Holy Bible

Aionian **Edition**®

Soratra Masina

Malagasy Bible 1865

Holy Bible Aionian Edition ®
Soratra Masina
Malagasy Bible 1865

CC Attribution NoDerivatives 4.0, 2018-2024
Source text: Crosswire.org
Source version: 2/8/2021
Source copyright: Public Domain
David Griffith, London Missionary Society, 1835, 1865
ISBN: 978-1-67814-496-8

Formatted by Speedata Publisher 4.19.18 (Pro) on 7/19/2024
100% Free to Copy and Print
TOR Anonymously
AionianBible.org

Published by Nainoia Inc
https://Nainoia-Inc.signedon.net

We pray for a modern public domain translation in every language
Report content and format concerns to Nainoia Inc
Volunteer help is welcome and appreciated!

Celebrate Jesus Christ's victory of grace!

Tena Fanolorana

Malagasy at AionianBible.org/Preface

The *Holy Bible Aionian Edition* ® is the world's first Bible *un-translation*! What is an *un-translation*? Bibles are translated into each of our languages from the original Hebrew, Aramaic, and Koine Greek. Occasionally, the best word translation cannot be found and these words are transliterated letter by letter. Four well known transliterations are *Christ*, *baptism*, *angel*, and *apostle*. The meaning is then preserved more accurately through context and a dictionary. The Aionian Bible un-translates and instead transliterates eleven additional Aionian Glossary words to help us better understand God's love for individuals and all mankind, and the nature of afterlife destinies.

The first three words are *aiōn*, *aiōnios*, and *aïdios*, typically translated as *eternal* and also *world* or *eon*. The Aionian Bible is named after an alternative spelling of *aiōnios*. Consider that researchers question if *aiōn* and *aiōnios* actually mean *eternal*. Translating *aiōn* as *eternal* in Matthew 28:20 makes no sense, as all agree. The Greek word for *eternal* is *aïdios*, used in Romans 1:20 about God and in Jude 6 about demon imprisonment. Yet what about *aiōnios* in John 3:16? Certainly we do not question whether salvation is eternal! However, *aiōnios* means something much more wonderful than infinite time! Ancient Greeks used *aiōn* to mean *eon* or *age*. They also used the adjective *aiōnios* to mean *entirety*, such as *complete* or even *consummate*, but never infinite time. Read Dr. Heleen Keizer and Ramelli and Konstan for proofs. So *aiōnios* is the perfect description of God's Word which has *everything* we need for life and godliness! And the *aiōnios* life promised in John 3:16 is not simply a ticket to eternal life in the future, but the invitation through faith to the *consummate* life beginning now!

The next seven words are *Sheol*, *Hadēs*, *Geenna*, *Tartaroō*, *Abyssos*, and *Limnē Pyr*. These words are often translated as *Hell*, the place of eternal punishment. However, *Hell* is ill-defined when compared with the Hebrew and Greek. For example, *Sheol* is the abode of deceased believers and unbelievers and should never be translated as *Hell*. *Hadēs* is a temporary place of punishment, Revelation 20:13-14. *Geenna* is the Valley of Hinnom, Jerusalem's refuse dump, a temporal judgment for sin. *Tartaroō* is a prison for demons, mentioned once in 2 Peter 2:4. *Abyssos* is a temporary prison for the Beast and Satan. Translators are also inconsistent because *Hell* is used by the King James Version 54 times, the New International Version 14 times, and the World English Bible zero times. Finally, *Limnē Pyr* is the Lake of Fire, yet Matthew 25:41 explains that these fires are prepared for the Devil and his angels. So there is reason to review our conclusions about the destinies of redeemed mankind and fallen angels.

The eleventh word, *eleēsē*, reveals the grand conclusion of grace in Romans 11:32. Take the time to understand these eleven words. The original translation is unaltered and a note is added to 64 Old Testament and 200 New Testament verses. To help parallel study and Strong's Concordance use, apocryphal text is removed and most variant verse numbering is mapped to the English standard. We thank our sources at eBible.org, Crosswire.org, unbound.Biola.edu, Bible4u.net, and NHEB.net. The Aionian Bible is copyrighted with creativecommons.org/licenses/by-nd/4.0, allowing 100% freedom to copy and print, if respecting source copyrights. Check the Reader's Guide and read online at AionianBible.org, with Android, and TOR network. Why purple? King Jesus' Word is royal… and purple is the color of royalty!

History

Malagasy at AionianBible.org/History

04/15/85 - Aionian Bible conceived as B. and J. pray.
12/18/13 - Aionian Bible announced as J. and J. pray.
06/21/15 - Aionian Bible birthed as G. and J. pray.
01/11/16 - AionianBible.org domain registered.
06/21/16 - 30 translations available in 12 languages.
12/07/16 - Nainoia Inc established as non-profit corporation.
01/01/17 - Creative Commons Attribution No Derivatives 4.0 license added.
01/16/17 - Aionian Bible Google Play Store App published.
07/01/17 - 'The Purple Bible' nickname begins.
07/30/17 - 42 translations now available in 22 languages.
02/01/18 - Holy Bible Aionian Edition® trademark registered.
03/06/18 - Aionian Bibles available in print at Amazon.com.
10/20/18 - 70 translations now available in 33 languages.
11/17/18 - 104 translations now available in 57 languages.
03/24/19 - 135 translations now available in 67 languages.
10/28/19 - Aionian Bible nursed as J. and J. pray.
10/31/19 - 174 translations now available in 74 languages.
02/22/20 - Aionian Bibles available in print at Lulu.com.
05/25/20 - Illustrations by Gustave Doré, La Grande Bible de Tours, Felix Just.
08/29/20 - Aionian Bibles now available in ePub format.
12/01/20 - Right to left and Hindic languages now available in PDF format.
03/31/21 - 214 translations now available in 99 languages.
11/17/21 - Aionian Bible Branded Leather Bible Covers now available.
12/20/21 - Social media presence on Facebook, Twitter, LinkedIn, YouTube, etc.
01/01/22 - 216 translations now available in 99 languages.
01/09/22 - StudyPack resources for Bible translation study.
02/14/22 - Strong's Concordance from Open Scriptures and STEPBible.
02/14/23 - Aionian Bible published on the TOR Network.
12/04/23 - Eleēsē added to the Aionian Glossary.
02/04/24 - 352 translations now available in 135 languages.
05/01/24 - 371 translations now available in 151 languages.

Fanoroam-pejy

TESTAMENTA TALOHA

Genesisy 1
Eksodosy 37
Levitikosy 67
Nomery 88
Deotoronomia 117
Josoa 142
Mpitsara 159
Rota 176
1 Samoela 179
2 Samoela 202
1 Mpanjaka 221
2 Mpanjaka 244
1 Tantara 266
2 Tantara 286
Ezra 311
Nehemia 319
Estera 330
Joba 336
Salamo 354
Ohabolana 395
Mpitoriteny 410
Tonon-kiran'i Solomona 416
Isaia 419
Jeremia 454
Fitomaniana 493
Ezekiela 497
Daniela 532
Hosea 543
Joela 548
Amosa 550
Obadia 554
Jona 555
Mika 557
Nahoma 560
Habakoka 562
Zefania 564
Hagay 566
Zakaria 568
Malakia 574

TESTAMENTA VAOVAO

Matio 579
Marka 602
Lioka 616
Jaona 640
Asan'ny Apostoly 658
Romana 681
1 Korintiana 691
2 Korintiana 701
Galatiana 708
Efesiana 712
Filipiana 716
Kolosiana 719
1 Tesaloniana 722
2 Tesaloniana 724
1 Timoty 726
2 Timoty 729
Titosy 731
Filemona 733
Hebreo 734
Jakoba 741
1 Petera 744
2 Petera 747
1 Jaona 749
2 Jaona 752
3 Jaona 753
Joda 754
Apokalypsy 755

FANAMPINY

Torolàlana Mpamaky
Rakibolana
Sarintany
Anjara
Sary Fanehoana, Doré

TESTAMENTA TALOHA



Eny, noroahiny ny olona; ary nampitoeriny tany atsinanan' ny saha Edena ny kerobima sy ny lelafon' ny sabatra mihebiheby hiambina ny lalana mankany amin' ny hazon' aina.
Genesisy 3:24

Genesisy

1 Tamin' ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany. **2** Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary aizina no tambonin' ny lalina. Ary ny fanahin' Andriamanitra nanomba tambonin' ny rano. **3** Ary Andriamanitra nanao hoe: Misia mazava; dia nisy mazava. **4** Ary hitan' Andriamanitra fa tsara ny mazava; ary nampisarahin' Andriamanitra ny mazava sy ny maizina. **5** Ary Andriamanitra nanao ny mazava hoe andro; ary ny maizina nataony hoe alina. Dia nisy hariva, ary nisy maraina, andro voalohany izany. **6** Ary Andriamanitra nanao hoe: Misia habakabaka eo anelanelan' ny rano; ary aoka hampisaraka ny rano amin' ny rano izy. **7** Ary Andriamanitra nanao ny habakabakaka ka nampisaraka ny rano ambanin' ny habakabaka tamin' ny rano ambonin' ny habakabaka; dia nisy izany. **8** Ary Andriamanitra nanao ny habakabaka hoe lanitra. Dia nisy hariva, ary nisy maraina, andro faharoa izany. **9** Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka hiangona ny rano eny ambanin' ny lanitra ho eo amin' ny fitoerana iray, ary aoka hiseho ny maina; dia nisy izany. **10** Ary Andriamanitra nanao ny maina hoe tany; ary ny rano tafangona nataony hoe ranomasina. Ary hitan' Andriamanitra fa tsara izany. **11** Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny tany haniry ahitra sy anana mamoa ary hazo fihinam-boa izay mamoa, samy araka ny karazany avy, ka manam-boa ao aminy, eny ambonin' ny tany; dia nisy izany. **12** Ary ny tany naniry ahitra sy anana mamoa samy araka ny karazany avy, ary hazo mamoa izay manam-boa ao aminy, samy araka ny karazany avy. Ary hitan' Andriamanitra fa tsara izany. **13** Dia nisy hariva, ary nisy maraina, andro fahatelo izany. **14** Ary Andriamanitra nanao hoe: Misia fahazavana eny amin' ny habakabaky ny lanitra hampisaraka ny andro sy ny alina; ary aoka ho famantarana sy ho fotoana ary ho andro sy taona ireo. **15** Ary aoka ho fanazavana eny amin' ny habakabaky ny lanitra izy hanazava eny ambonin' ny tany; dia nisy izany. **16** Ary Andriamanitra nanao ny fanazavana roa lehibe, dia ny fanazavana lehibe ho mpanapaka ny andro ary ny fanazavana kely ho mpanapaka ny alina sy ny kintana. **17** Ary Andriamanitra nametraka azy teny amin' ny habakabaky ny lanitra hanazava eny ambonin' ny tany, **18** sy ho mpanapaka ny andro sy ny alina, ary hampisaraka ny mazava sy ny maizina. Ary hitan' Andriamanitra fa tsara izany. **19** Dia nisy hariva, ary nisy maraina, andro fahefatra izany. **20** Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny rano ho be zava-manan' aina; ary aoka hisy vorona hanidina ambonin' ny tany eny amin' ny habakabaky ny lanitra. **21** Ary Andriamanitra nahary ny biby vaventy anaty rano sy ny zava-manan' aina mihetsiketsika rehetra, izay efa betsaka ao amin' ny rano, samy araka ny karazany avy, ary ny voro-manidina rehetra, samy araka ny karazany avy. Ary hitan' Andriamanitra fa tsara izany. **22** Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa anaka sy mihabetsaha ary mamenoa ny rano ao amin' ny ranomasina; ary aoka ny vorona hihamaro eny ambonin' ny tany. **23** Dia nisy fa hariva, ary nisy maraina, andro fahadimy izany. **24** Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny tany hamoaka zava-manan' aina samy araka ny karazany avy, dia biby fiompy sy biby mandady sy mikisaka ary bibi-dia, samy araka ny karazany avy; dia nisy izany. **25** Ary Andriamanitra nanao ny bibi-dia, samy araka ny karazany avy, sy ny biby fiompy, samy araka ny karazany avy, ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany, samy araka ny karazany avy. Ary hitan' Andriamanitra fa tsara izany. **26** Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka amin' ny hazandrano ao amin' ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany. **27** Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik' Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy. **28** Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy; ary manjaka amin' ny hazandrano ao amin' ny ranomasina sy ny voro-manidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin' ny tany. **29** Ary Andriamanitra nanao hoe: Indro, efa nomeko anareo ny anana manintsam-boa rehetra izay ambonin' ny tany rehetra ary ny hazo rehetra izay misy voa sady manintsam-boa; dia ho fihinana anareo ireny. **30** Ary ny amin' ny bibi-dia rehetra sy ny voro-manidina rehetra ary ny zava-manan' aina rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany, dia efa nomeko azy ny zava-maitso rehetra ho fihinany; dia nisy izany. **31** Ary hitan' Andriamanitra izay rehetra nataony, ary, indro, tsara indrindra izany. Dia nisy hariva, ary nisy maraina, andro fahenina izany.

2 Dia vita ny lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao aminy. **2** Ary tamin' ny andro fahafito dia vitan' Andriamanitra ny asa efa nataony; ary dia nitsahatra tamin' ny andro fahafito Izy tamin' ny asany rehetra izay efa nataony. **3** Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy, satria tamin' izany no nitsaharan' Andriamanitra tamin' ny asany rehetra izay noforoniny tamin' ny nanaovany azy. **4** Ary izao no tantaran' ny lanitra sy ny tany tamin' ny namoronana azy, dia tamin' ny nanaovan' i Jehovah Andriamanitra ny tany sy ny lanitra: **5** Ny hazo madinika famboly dia tsy mbola nisy teo amin' ny tany, ary ny anana famboly tsy mbola nisy naniry; fa tsy mbola nampilatsaka ranonorana tambonin' ny tany Jehovah Andriamanitra, ary nisy olona hiasa ny tany; **6** nefa nisy zavona niakatra avy tamin' ny tany ka nandena ny tany rehetra. **7** Ary vovo-tany no namoronan' i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony; dia tonga olombelona izy. **8** Ary Jehovah Andriamanitra nanao saha tao Edena tany atsinanana, ka napetrany tao ralehilahy izay noforoniny. **9** Ary nampanirin' i Jehovah Andriamanitra teo amin' ny tany ny hazo rehetra izay maha-te-hizaha sady tsara ho fihinana, ary ny hazon' aina teo afovoan' ny saha sy ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy. **10** Ary nisy ony nivoaka avy tao Edena handena ny saha; hatreo izy dia nizara ka nisampana efatra: **11** Ny anaran' ny voalohany dia Pisona; io no mandeha manodidina ny

tany Havila rehetra, izay misy ny volamena; **12** ary tsara ny volamena amin' izany tany izany; any ny bedola sy ny vato beryla. **13** Ary ny anaran' ny ony faha dia Gihona; io no mandeha manodidina ny tany Kosy rehetra. **14** Ary ny anaran' ny ony fahatelo dia Hidekela; io no mandeha tandrifin' i Asyria. Ary ny ony fahefatra dia Eofrata. **15** Ary Jehovah Andriamanitra nitondra an-dralehilahy ka namponina azy tao amin' ny saha Edena hiasa sy hitandrina azy. **16** Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin' ny saha dia azonao ihinanana ihany; **17** fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin' ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao. **18** Ary Jehovah Andriamanitra nanao hoe: Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy. **19** Ary tany no namoronan' i Jehovah Andriamanitra ny bibi-dia rehetra sy ny voro-manidina rehetra; dia nentiny tany amin-dralehilahy ireny hahitany izay hanononany azy avy; ary izay rehetra nanononan-dralehilahy ny zava-manan' aina rehetra, dia izany no anarany. **20** Dia nomen-dralehilahy anarana ny biby fiompy rehetra sy ny ny voro-manidina mbamin' ny bibi-dia rehetra; nefa tsy hita izay vady sahaza ho an-dralehilahy. **21** Ary Jehovah Andriamanitra nahasondriantory an-dralehilahy, ka dia natory izy; dia naka ny taolan-tehezany anankiray Izy ka nanakombona nofo ho solony. **22** Ary ny taolan-tehezana izay nalain' i Jehovah Andriamanitra tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy ka nentiny tany amin-dralehilahy. **23** Ary hoy ralehilahy: Ankehitriny dia taolana avy amin' ny taolako sy nofo avy amin' ny nofoko ity; ity dia hatao hoe vehivavy satria lehilahy no nanalana azy. **24** Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin' ny vadiny; dia ho nofo iray ihany ireo. **25** Ary nitanjaka izy mivady, dia ralehilahy sy ny vadiny, nefa tsy nahalala henatra izy.

3 Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon' i Jehovah Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky! efa nataon' Andriamanitra hoe: Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin' ny saha? **2** Fa hoy ravehivavy tamin' ny menarana: Ny voan' ny hazo eo amin' ny saha dia azonay ihinanana ihany; **3** fa ny voan' ny hazo eo afovoan' ny saha kosa no efa nataon' Andriamanitra hoe: Aza hihinanareo na tendrenareo izany, fandrao maty ianareo. **4** Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory ianareo; **5** fa fantatr' Andriamanitra fa na amin' izay andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an' Andriamanitra ianareo, hahalala ny ny tsara sy ny ratsy. **6** Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny; ka dia nihinana izy. **7** Dia nahiratra ny mason' izy mivady, ka fantany fa mitanjaka izy; ary nanjaitra ravin' aviavy izy, ka nataony sikina ho azy. **8** Ary nandre an' i Jehovah Andriamanitra nitsangantsangana teo amin' ny saha izy, rehefa ho hariva ny andro; ary ralehilahy sy ny vadiny niery ny tavan' i Jehovah Andriamanitra tao anaty hazo tao amin' ny saha. **9** Ary Jehovah Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Aiza moa ianao? **10** Dia hoy izy: Nandre Anao tao amin' ny saha aho; dia natahotra aho, satria mitanjaka, ka dia niery. **11** Ary hoy Izy: Iza moa no nanambara taminao fa mitanjaka ianao? Efa nihinanao va ny hazo izay nandrarako anao tsy hihinananao? **12** Dia hoy ralehilahy: Ny vehivavy izay nomenao ho namako, izy no nanome ahy ny voankazo, ka dia nihinana aho. **13** Ary hoy Jehovah Andriamanitra tamin-dravehivavy: Inona izao nataonao izao? Dia hoy ravehivavy: Ny menarana no namitaka ahy, ka dia nihinana aho. **14** Ary hoy Jehovah Andriamanitra tamin' ny menarana: Satria nanao izany ianao, koa amin' ny biby fiompy rehetra sy ny bibi-dia rehetra dia ianao no voaozona: ny kibonao no handehananao, ary vovo-tany no hohaninao amin' ny andro rehetra hiainanao. **15** Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony. **16** Ary hoy koa Izy tamin-dravehivavy: Hahabe dia hahabe ny fahorianao Aho, indrindra fa raha manan' anaka ianao; ary fahoriana no hiterahanao zanaka; ary ny vadinao no hianteheran' ny fanirianao, ka izy no hanapaka anao. **17** Ary hoy koa Izy tamin' i Adama: Satria efa nihaino ny feon' ny vadinao ianao, ka nihinananao ny hazo, izay nandrarako anao hoe: Aza ihinananao izany, dia voaozona ny tany noho izay nataonao; fahoriana no hihinanao ny vokany amin' ny andro rehetra hiainanao. **18** Ary haniry tsilo sy hery ho anao izy; ary hohaninao ny anana famboly. **19** Ny fahatsembohan' ny tavanao no hahazoanao hanina mandra-piverinao any amin' ny tany; fa ny tany no nanalana anao; fa vovoka ianao, ary hiverina ho amin' ny vovoka indray ianao. **20** Ary ralehilahy nanao ny anaran' ny vadiny hoe Eva, satria izy no renin' ny olombelona rehetra. **21** Ary Jehovah Andriamanitra nanao akanjo hoditra ho an' i Adama sy ny vadiny ka nampiakanjo azy. **22** Ary hoy Jehovah Andriamanitra: Indro, ny olona efa tonga tahaka ny anankiray amintsika ka hahalala ny tsara sy ny ratsy; ary ankehitriny, andrao haninjitra ny tànany izy ka hakany koa ny hazon' aina, ary hohaniny, ka ho velona mandrakizay izy; **23** ka dia nesorin' i Jehovah Andriamanitra tamin' ny saha Edena izy hiasa ny tany izay nanalana azy. **24** Eny, noroahiny ny olona; ary nampitoeriny tany atsinanan' ny saha Edena ny kerobima sy ny lelafon' ny sabatra mihebiheby hiambina ny lalana mankany amin' ny hazon' aina.

4 Ary Adama nahalala an' i Eva vadiny; dia nanan' anaka Eva ka niteraka an' i Kaina, ary hoy izy: Efa nahazo zazalahy tamin' i Jehovah aho. **2** Ary niteraka an' i Abela rahalahiny koa izy. Ary Abela dia mpiandry ondry, fa Kaina kosa mpiasa tany. **3** Ary rehefa afaka elaela, dia nitondran' i Kaina ny vokatry ny tany ho fanatitra ho an' i Jehovah; **4** fa nitondran' i Abela kosa ny voalohan-terak' ondriny, dia izay matavy. Ary Jehovah nankasitraka an' i Abela mbamin' ny fanatiny; **5** fa Kaina mbamin' ny fanatiny kosa tsy mba nankasitrahany. Dia tezitra indrindra Kaina, sady nanjombona ny tarehiny. **6** Ary hoy Jehovah tamin' i Kaina:

Nahoana no tezitra ianao? Ary nahoana no manjombona ny tarehinao? **7** Raha tsara toetra ianao, moa tsy ho miramirana va? Fa raha tsy tsara toetra kosa ianao, dia mamitsaka eo am-baravarana ny ota; ary ianao no kendren' ny faniriany, kanefa ianao no tokony hanapaka azy. **8** Ary Kaina niteny tamin' i Abela rahalahiny; ary nony tany antsaha izy mirahalahy, dia nitsangana Kaina nanatona an' i Abela rahalahiny, ka namono azy. **9** Ary hoy Jehovah tamin' i Kaina: Aiza Abela rahalahinao? Fa hoy izy: Asa; moa mpitandrina ny rahalahiko va aho? **10** Ary hoy Izy: Inona no nataonao? Ny feon' ny ran' ny rahalahinao mitaraina amiko avy amin' ny tany. **11** Ary ankehitriny dia voaozona ianao hiala amin' ny tany onenana, izay nivava hitelina ny ran' ny rahalahinao nalatsaky ny tananao. **12** Raha miasa ny tany ianao, tsy mba hahavokatra ho anao intsony izy; ho mpanjenjena sy mpirenireny eny ambonin' ny tany ianao. **13** Dia hoy Kaina tamin' i Jehovah: Lehibe ny valin' ny heloko mihoatra noho izay zakako. **14** Indro, efa noroahinao hiala amin' ny tany onenana aho androany; dia hiery ny tavanao aho ary ho mpanjenjena sy mpirenireny eny ambonin' ny tany; koa na iza na iza hahita ahy dia hamono ahy. **15** Ary hoy Jehovah taminy: Noho izany na iza na iza hamono an' i Kaina, dia hovaliana fito eny izy. Ary Jehovah nanao famantarana ho an' i Kaina; mba tsy hisy hamono azy izay rehetra hahita azy. **16** Ary Kaina dia niala teo anatrehan' i Jehovah ka nonina tao amin' ny tany Noda tandrifin' i Edena. **17** Ary Kaina nahalala ny vadiny, dia nanan' anaka ravehivavy ka niteraka an' i Enoka; ary nanorina vohitra Kaina, ka ny anaran' ny vohitra dia nataony hoe Enoka, araka ny anaran' ny zananilahy. **18** Ary Enoka niteraka an' Irada; ary Irada niteraka an' i Mehojaela; ary Mehojaela niteraka an' i Metosaela; ary Metosaela niteraka an' i Lameka. **19** Ary Lameka nampirafy roa: ny anaran' ny anankiray Ada, ary ny anaran' ny anankiray Zila. **20** Ary Ada niteraka an' i Jabala; izy no rain' ny mpitoetra anday, mpiandry omby aman' ondry. **21** Ary ny anaran' ny rahalahiny dia Jobala; izy no rain' ny mpitendry lokanga sy mpitsoka sodina rehetra. **22** Ary Zila kosa niteraka an' i Tobala-kaina, mpanefy fiasana maranitra, na varahina na vy; ary ny anabavin' i Tobala-kaina dia Nama. **23** Ary hoy Lameka tamin' ny vadiny: Ry Ada sy Zila ô, mihainoa ny feoko; Ry vadin' i Lameka, mitandrema ny teniko: Efa namono lehilahy aho noho ny feriko, Ary tovolahy noho ny faharatrako. **24** Raha valiana fito heny izay mamono an' i Kaina, Dia fito amby fito-polo heny kosa izay mamono an' i Lameka. **25** Ary Adama nahalala ny vadiny indray, ka dia niteraka zazalahy ravehivavy; ary ny anarany nataony hoe Seta; fa Andriamanitra, hoy izy, efa nanome ahy zanaka anankiray koa ho solon' i Abela, satria novonoin' i Kaina izy. **26** Ary Seta koa niteraka zazalahy; ary ny anarany nataony hoe Enosy.

5 Ity no boky milaza ny taranak' i Adama: Tamin' ny andro namoronan' Andriamanitra ny olona dia tahaka ny tarehin' Andriamanitra no nanaovany azy; **2** lahy sy vavy no namoronany azy; dia nitahy azy Izy ka nanao ny anarany hoe Adama tamin' ny andro namoronany azy. **3** Ary rehefa telo-polo amby zato taona ny andro niainan' i Adama, dia niteraka tahaka ny tarehiny, araka ny endriny izy; ary ny anarany nataony hoe Seta. **4** Ary ny andron' i Adama taorian' ny niterahany an' i Seta dia valon-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **5** Ary ny andro rehetra niainan' i Adama dia telo-polo amby sivin-jato taona; dia maty izy. **6** Ary rehefa dimy amby zato taona ny andro niainan' i Seta, dia niteraka an' i Enosy izy. **7** Ary ny andro niainan' i Seta taorian' ny niterahany an' i Enosy dia fito amby valon-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **8** Ary ny andro rehetra niainan' i Seta dia roa ambin' ny folo amby sivin-jato taona; dia maty izy; **9** Ary rehefa sivi-folo taona ny andro niainan' i Enosy, dia niteraka an' i Kenana izy. **10** Ary ny andro niainan' i Enosy taorian' ny niterahany an' i Kenana dia dimy ambin' ny folo amby valon-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy; **11** Ary ny andro rehetra niainan' i Enosy dia dimy amby sivin-jato taona; dia maty izy. **12** Ary rehefa fito-polo taona ny andro niainan' i Kenana, dia niteraka an' i Mahalalila izy. **13** Ary ny andro niainan' i Kenana taorian' ny niterahany an' i Mahalalila dia efa-polo amby valon-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **14** Ary ny andro rehetra niainan' i Kenana dia folo amby sivin-jato taona; dia maty izy. **15** Ary rehefa dimy amby enim-polo taona ny andro niainan' i Mahalalila, dia niteraka an' i Jareda izy. **16** Ary ny andro niainan' i Mahalalila taorian' ny niterahany an' i Jareda dia telo-polo amby valon-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **17** Ary ny andro rehetra niainan' i Mahalalila dia dimy amby sivi-folo amby valon-jato taona; dia maty izy. **18** Ary rehefa roa amby enim-polo amby zato taona ny andro niainan' i Jareda dia niteraka an' i Enoka izy. **19** Ary ny andro niainan' i Jareda taorian' ny niterahany niterahany an' i Enoka dia valon-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **20** Ary ny andro rehetra niainan' i Jareda dia roa amby enim-polo amby sivin-jato taona; dia maty izy. **21** Ary rehefa dimy amby enim-polo taona ny andro niainan' i Enoka, dia niteraka an' i Metosela izy. **22** Ary niara-nandeha tamin' Andriamanitra telon-jato taona Enoka taorian' ny niterahany an' i Metosela; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **23** Ary ny andro rehetra niainan' i Enoka dia dimy amby enim-polo amby telon-jato taona. **24** Ary niara-nandeha tamin' Andriamanitra Enoka; ka tsy hita izy, fa nentin' Andriamanitra. **25** Ary rehefa fito amby valo-polo amby zato taona ny andro niainan' i Metosela, dia niteraka an' i Lameka izy. **26** Ary ny andro niainan' i Metosela taorian' ny niterahany an' i Lameka dia roa amby valo-polo amby fiton-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **27** Ary ny andro rehetra niainan' i Metosela dia sivy amby enim-polo amby sivin-jato taona; dia maty izy. **28** Ary rehefa roa amby valo-polo amby zato taona ny andro niainan' i Lameka, dia niteraka zazalahy izy; **29** ary ny anarany nataony hoe Noa, fa hoy izy: Ity no hampionona antsika amin' ny asantsika sy ny fisasaran' ny tanantsika noho ny tany izay voaozon' i Jehovah. **30** Ary ny andro niainan' i Lameka taorian' ny niterahany an' i Noa dia dimy amby sivi-folo amby diman-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **31** Ary ny andro rehetra niainan' i Lameka

dia fito amby fito-polo amby fiton-jato taona; dia maty izy. **32** Ary rehefa diman-jato taona Noa, dia niteraka an' i Sema sy Hama ary Jafeta izy.

6 Ary raha vao nihamaro ny olona tambonin' ny tany ka teraka zazavavy maro, **2** dia hitan' ny zanak' Andriamanitra fa tsara tarehy ny zanakavavin' ny olona; ka dia nifidy vady ho azy tamin' izy rehetra araka izay tiany izy. **3** Ary hoy Jehovah: Tsy mba hanapaka mandrakariva ao amin' ny olona ny Fanahiko, fa amin' ny faniavany dia nofo izy; nefa ho roa-polo amby zato taona ny androny. **4** Ny Nefilima nitoetra tambonin' ny tany tamin' izany andro izany, sy taorian' izany koa, raha nivady tamin' ny zanakavavin' ny olona ny zanak' Andriamanitra, ka niterahany; ireo no ilay olo-mahery hatrizay ela izay, dia ny lehilahy nanandaza. **5** Ary hitan' i Jehovah fa be ny faharatsian' ny olona tambonin' ny tany, ka izay fisainana rehetra avy amin' ny fony dia ratsy ihany mandritra ny andro. **6** Ary Jehovah nanenina noho ny nanaovany ny olona tambonin' ny tany, ka nalahelo ny fony. **7** Dia hoy Jehovah: Haringako tsy hisy ambonin' ny tany ny olona izay noforoniko, hatramin' ny olona ka hatramin' ny biby fiompy sy ny biby mandady na mikisaka mbamin' ny voro-manidina; fa manenina Aho noho ny nanaovako azy. **8** Fa Noa kosa nahita fitia teo imason' i Jehovah. **9** Ary izao no tantaran' i Noa: Noa dia lehilahy marina sady tsy nisy tsiny teo amin' ny olona niara-belona taminy; eny, niara-nandeha tamin' Andriamanitra Noa. **10** Ary Noa niteraka zanaka telo mirahalahy, dia Sema sy Hama ary Jafeta. **11** Ary simba ny tany teo anatrehan' Andriamanitra sady heni-doza; **12** dia hitan' Andriamanitra ny tany, ka, indro, efa simba izy; fa ny nofo rehetra samy efa nanimba ny lalany avy tambonin' ny tany. **13** Dia hoy Andriamanitra tamin' i Noa: Ny faran' ny nofo rehetra efa mby eto anatrehako, satria efa heni-doza ny tany noho ny amin' olona, ka, indro, efa handringana azy mbamin' ny tany Aho. **14** Koa manaova sambo-fiara ho anao amin' ny hazo gofera; ary hasianao efitrefitra ny sambo-fiara, ka hopetahanao dity ao anatiny sy eo ivelany izy. **15** Ary toy izao no hanaovanao azy: hakiho telon-jato ny lavan' ny sambo-fiara, hakiho dimam-polo ny sakany, ary hakiho telo-polo ny hahavony. **16** Ary hasianao fidiran' ny mazava ny sambo-fiara, ary amin' ny hakiho iray no hahavitanao azy hatreo ambony; ary hasianao varavarana ny rindrin' ny sambo-fiara; hataonao efitra telo mifanongoa izy. **17** Ary, indro, Izaho efa hahatonga ny safo-drano ambonin' ny tany handringana ny nofo rehetra izay manam-nofonaina ambanin' ny lanitra; dia ho faty izay rehetra eo amin' ny tany. **18** Nefa kosa haoriko ny fanekeko aminao; ary hiditra ao anatin' ny sambo-fiara ianao sy ny vadinao aman-janakao mbamin' ny vinantonao vavy miaraka aminao. **19** Ary ny zava-manan' aina rehetra, dia ny nofo rehetra, hitondranao roa avy isan-karazany ho ao anatin' ny sambo-fiara, hovelomina miaraka aminao; ho lahy sy vavy avy ireo. **20** Ny vorona, samy araka ny karazany avy; ary ny biby, samy araka ny karazany avy, ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany, samy araka ny karazany avy, dia, roa avy samy araka ny karazany avy, dia roa avy isan-karazany no hankeo aminao hovelomina. **21** Ary analao ho anao ny zavatra rehetra izay mety ho fihinana, ka angòny ho eo aminao; dia ho fihinana ho anao sy ho an' ireo koa izany. **22** Dia nataon' i Noa izany; araka izay rehetra nandidian' Andriamanitra azy no nataony.

7 Ary hoy Jehovah tamin' i Noa: Midìra ao anatin' ny sambo-fiara ianao mbamin' ny ankohonanao rehetra, satria ianao no hitako fa marina eo anatrehako amin' izao olona miara-belona aminao izao. **2** Ny biby madio rehetra isan-karazany dia hanalanao ho ao aminao fito avy, lahy sy vavy; ary ny biby tsy madio isan-karazany roa avy, lahy sy vavy; **3** ary ny voro-manidina koa isan-karazany fito avy, lahy sy vavy: mba tsy ho lany taranaka ambonin' ny tany rehetra ireny. **4** Fa raha afaka hafitoana, Izaho handatsaka ranonorana ambonin' ny tany efa-polo andro sy efa-polo alina; ary ny zavatra velona rehetra izay, nataoko dia haringako tsy ho ambonin' ny tany. **5** Ary Noa nanao araka izay rehetra nandidian' i Jehovah azy. **6** Ary efa enin-jato taona Noa, raha tonga tambonin' ny tany ny safo-drano. **7** Ary Noa sy ny vadiny aman-janany, mbamin' ny vinantoni-vavy niaraka taminy dia niditra tao anatin' ny sambo-fiara mba tsy ho tratry ny safo-drano. **8** Ary ny biby madio sy ny biby izay tsy madio sy ny vorona mbamin' izay rehetra mandady na mikisaka amin' ny tany, **9** dia nisy niditra tsiroaroa ho ao amin' i Noa tao anatin' ny sambo-fiara, dia lahy sy vavy, araka izay nandidian' Andriamanitra an' i Noa. **10** Ary rehefa afaka hafitoana, dia tonga tambonin' ny tany ny safo-drano. **11** Tamin' ny andro fahafito ambin' ny folo tamin' ny volana faharoa tamin' ny fahenin-jato taona niainan' i Noa, tamin' izany andro izany dia nipoitra ny loharano rehetra amin' ny lalina lehibe, ary nivoha ny varavaran' ny lanitra. **12** Dia nisy ranonorana nivatravatra tamin' ny tany efa-polo andro sy efa-polo alina. **13** Androtrizay indrindra dia efa tafiditra tao anatin' ny sambo-fiara Noa, sy Sema sy Hama ary Jafeta, zanakalahin' i Noa, mbamin' ny vadin' i Noa, ary ny vinantony telo vavy niaraka taminy; **14** dia izy ireo sy ny bibi-dia rehetra; samy araka ny karazany avy, sy ny biby fiompy rehetra, samy araka ny karazany avy, ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany, samy araka ny karazany avy, ary ny vorona rehetra, samy araka ny karazany avy, dia ny voronkely sy ny manana elatra rehetra. **15** Dia niditra tao amin' i Noa tao anatin' ny sambo-fiara ireo, dia tsiroaroa avy tamin' ny nofo rehetra izay manam-pofonaina. **16** Ary izay niditra tao dia lahy sy vavy, avy tamin' ny nofo rehetra, araka izay nandidian' Andriamanitra an' i Noa; ary narindrin' i Jehovah tao izy. **17** Ary naharitra efa-polo andro tambonin' ny tany ny safo-drano, dia tonga betsaka ny rano ka nanainga ny sambo-fiara, dia nitsinkafona ho afaka amin' ny tany izy. **18** Ary nahery ny rano ka tonga betsaka indrindra tambonin' ny tany; dia nandeha teny ambonin' ny rano ny sambo-fiara. **19** Ary nahery dia nahery indrindra ny rano teny ambonin' ny tany, ka voasarona ny tendrombohitra avo rehetra izay tambanin' ny lanitra rehetra. **20** Dimy ambin' ny folo hakiho no nihoaran' ny rano, ka voasarona ny tendrombohitra. **21**

Dia maty ny nofo rehetra izay nihetsiketsika tambonin' ny tany, dia ny vorona sy ny biby fiompy sy ny bibi-dia sy ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany ary ny olona rehetra. **22** Izay rehetra nanam-pofonaina teo am-bavorony, avy tamin' izay rehetra teo amin' ny tany maina, dia maty avokoa. **23** Ary naringana ny zavatra velona rehetra izay tambonin' ny tany, hatramin' ny olona ka hatramin' ny biby fiompy sy ny zava-mandady na mikisaka ary ny voro-manidina; dia naringana tsy ho amin' ny tany ireny; ary Noa sy izay niara-nitoetra taminy tao anatin' ny sambo-fiara ihany no sisa velona. **24** Ary nahery tambonin' ny tany dimam-polo amby zato andro ny rano.

8 Ary Andriamanitra nahatsiaro an' i Noa mbamin' ny bibi-dia rehetra ary ny biby fiompy rehetra, izay niara-nitoetra taminy tao anatin' ny sambo-fiara; ary Andriamanitra nampandeha rivotra eran' ny tany, ka dia nihena ny rano. **2** Ary tampina ny loharanon' ny lalina sy ny varavaran' ny lanitra, ka nitsahatra ilay ranonorana nivatravatra avy tany an-danitra. **3** Ary nihena niandalana niala tamin' ny tany ny rano; ary rehefa afaka dimam-polo amby zato andro, dia efa nihena ny rano. **4** Dia nipetraka teo amin' ny tendrombohitra any Ararata ny sambo-fiara tamin' ny andro fahafito ambin' ny folo tamin' ny volana fahafito. **5** Ary ny rano dia mbola nihena niandalana hatramin' ny volana fahafolo; tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahafolo dia niseho ny tampon' ny tendrombohitra. **6** Ary rehefa afaka efa-polo andro, dia novohan' i Noa ny varavarankelin' ny sambo-fiara izay efa nataony. **7** Dia namoaka goaika anankiray izy, ary niverimberina mandra-paharitry ny rano tamin' ny tany iny. **8** Dia namoaka voromailala anankiray izay teo aminy izy, hizahany na efa kely ny rano tambonin' ny tany, na tsia. **9** Fa tsy hitan' ilay voromailala izay hipetrahan' ny faladiany, dia niverina tamin' i Noa tao anatin' ny sambo-fiara izy, satria mbola nisy rano tambonin' ny tany rehetra; ary Noa naninjitra ny tànany ka nandray sy nampiditra azy ho ao aminy tao anatin' ny sambo-fiara. **10** Ary mbola niandry hafitoana koa izy; dia namoaka ilay voromailala tamin' ny sambo-fiara indray izy. **11** Dia niditra teo aminy ilay voromailala nony hariva ny andro; ary, indro, nisy ravin' oliva maitso teo am-bavany; izany no nahafantaran' i Noa fa efa kely ny rano tambonin' ny tany. **12** Ary mbola niandry hafitoana indray izy, dia namoaka ilay voromailala; ary tsy niverina teo aminy intsony iny. **13** Ary tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana voalohany tamin' ny taona fahiraika amby enin-jato, dia ritra ny rano teo ambonin' ny tany; ary nanaisotra ny tafon' ny sambo-fiara Noa ka nijery, ary, indro, efa maina ny tany. **14** Ary tamin' ny andro fahafito amby roa-polo tamin' ny volana faharoa, dia maina ny tany. **15** Ary Andriamanitra dia niteny tamin' i Noa ka nanao hoe: **16** Mivoaha amin' ny sambo-fiara ianao sy ny vadinao aman-janakao ary ny vinantonao vavy miaraka aminao. **17** Ary ny zava-manan' aina rehetra, izay eo aminao, avy tamin' ny nofo rehetra, dia ny vorona sy ny biby fiompy sy ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany, dia ento mivoaka miaraka aminao; ary aoka hiteraka be eny ambonin' ny tany sy ho maro anaka ary hihabetsaka eny ambonin' ny tany ireny. **18** Dia nivoaka Noa mbamin' ny vadiny aman-janany ary ny vinantonivavy niaraka taminy; **19** Ny zava-manan' aina rehetra sy ny biby rehetra izay mandady na mikisaka ary ny vorona rehetra mbamin' izay rehetra mihetsiketsika eny ambonin' ny tany dia samy nivoaka avy tao amin' ny sambo-fiara araka ny karazany. **20** Ary Noa dia nanorina alitara ho an' i Jehovah; ary ny biby madio rehetra sy ny vorona madio rehetra dia nanalany ka nataony fanatitra odorana teo ambonin' ny alitara. **21** Dia nandre ny hanitra ankasitrahana Jehovah, ka hoy Izy tam-pony: Tsy mba hanozona ny tany intsony noho ny amin' ny olona Aho; fa ny fisainan' ny fon' ny olona dia ratsy hatramin' ny fahazazany; ary tsy mba handringana ny velona rehetra intsony Aho tahaka izay nataoko. **22** Raha mbola maharitra koa ny tany, dia tsy hanam-pitsaharana ny taom-pamafazana sy ny taom-pijinjana, ary ny hatsiaka sy ny hafanana ary ny fahavaratra sy ny ririnina, ary ny andro sy ny alina.

9 Ary Andriamanitra nitso-drano an' i Noa sy ny zanany hoe; Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany. **2** Ary ny tahotra sy horohoro anareo hahazo ny bibi-dia rehetra sy ny voro-manidina rehetra; ireny mbamin' izay rehetra mandady na mikisaka amin' ny tany sy ny hazandrano rehetra ao amin' ny ranomasina dia efa natolotra eo an-tananareo. **3** Ny biby mihetsiketsika rehetra izay miaina dia ho fihinana ho anareo; dia efa nomeko anareo toy ny zava-maitso izy rehetra. **4** Kanefa ny nofo izay mbola misy aina dia ny ràny no aza haninareo. **5** Fa ny ranareo kosa dia hadiniko, satria ainareo izany; eo amin' ny tanan' ny manan' aina rehetra no hanadinako azy; ary eo amin' ny tanan' ny olona, dia eo amin' ny tanan' ny olona avy, no hanadinako ny ain' ny olona. **6** Izay mandatsaka ny ran' olona, dia mba halatsak' olona kosa ny ràny, satria tahaka ny endrik' Andriamanitra no nanaovany ny olona. **7** Koa ny aminareo, dia maroa fara sy mihabetsaha; miteraha be eny ambonin' ny tany sy mihabetsaha eny. **8** Ary Andriamanitra niteny tamin' i Noa sy tamin' ny zanany, izay niaraka taminy, ka nanao hoe: **9** Indro, Izaho efa manorina ny fanekeko aminareo sy amin' ny taranakareo mandimby anareo **10** sy amin' ny zava-manan' aina rehetra eo aminareo, na ny vorona, na ny biby fiompy, na ny bibi-dia rehetra eo aminareo: izay rehetra nivoaka avy tao anatin' ny sambo-fiara, dia ny biby samy hafa rehetra. **11** Dia aoriko ny fanekeko aminareo, ka tsy haringako amin' ny safo-drano intsony ny nofo rehetra, ary tsy hisy safo-drano hanimba ny tany intsony. **12** Ary hoy Andriamanitra: Izao no famantarana ny fanekena izay ataoko ho amiko sy ho aminareo mbamin' ny zava-manan' aina rehetra eo aminareo hatramin' ny taranaka fara mandimby: **13** Ny avako efa napetrako eo amin' ny rahona ho famantarana ny fanekena ho amiko sy ho amin' ny tany. **14** Ary raha mampiangona rahona eo ambonin' ny tany Aho, ka hita eo amin' ny rahona ny avana, **15** dia hotsarovako ny fanekeko izay ho amiko sy ho aminareo mbamin' ny zava-manan' aina, dia ny nofo rehetra; ary tsy hisy safo-drano, handringana ny nofo

rehetra intsony. **16** Ary ho eo amin' ny rahona ny avana; ary hitsinjo azy Aho hahatsiarovako ny fanekena mandrakizay izay ho amin' Andriamanitra sy ho amin' ny zava-manan' aina rehetra, dia ny nofo rehetra ambonin' ny tany. **17** Ary hoy Andriamanitra tamin' i Noa: Izany no famantarana ny fanekena izay naoriko ho amiko sy ho amin' ny nofo rehetra ambonin' ny tany. **18** Ary ny zanakalahin' i Noa izay izay nivoaka avy tamin' ny sambo-fiara dia Sema sy Hama ary Jafeta; ary i Hama no rain' i Kanana. **19** Ireo telo lahy ireo no zanak' i Noa; ary avy tamin' ireo no nielezan' ny olona tambonin' ny tany rehetra. **20** Ary vao tonga mpiasa tany Noa ka nanao tanim-boaloboka. **21** Ary nisotro tamin' ny divay izy ka mamo; dia nanary lamba izy ka nitanjaka tao anatin' ny lainy. **22** Ary hitan' i Hama, rain' i Kanana ny fitanjahan' ny rainy, dia nambarany tamin' ny rahalahiny roa lahy teo ivelany. **23** Ary nalain' i Sema sy Jafeta ny lamba ka nentin' izy mirahalahy teo an-tsorony, dia nanao dia mianotra izy ka nandrakotra ny fitanjahan' ny rainy; ary ny tavany tsy nanatrika, ka dia tsy hitany ny fitanjahan' ny rainy. **24** Dia nahatsiaro Noa, rehefa afaka ny hamamoany, ka nahafantatra izay efa nataon' ny zanany faralahy taminy. **25** Dia hoy izy: Ho voaozona anie Kanana; Ho tena andevon' ny rahalahiny izy. **26** Ary hoy koa izy: Isaorana anie Jehovah, Andriamanitr' i Sema; Ary aoka Kanana ho andevony. **27** Hataon' Andriamanitra malalaka anie Jafeta; Ary aoka honina ao an-dain' i Sema izy; Ary aoka Kanana ho andevony. **28** Ary ny andro niainan' i Noa taorian' ny safo-drano dia dimam-polo amby telon-jato taona. **29** Ary ny andro rehetra niainan' i Noa dia dimam-polo amby sivin-jato taona; dia maty izy.

10 Ary izao no taranaky ny zanakalahin' i Noa, dia Sema sy Hama ary Jafeta: Samy niteraka zazalahy avy izy taorian' ny safo-drano. **2** Ny zanakalahin' i Jafeta dia Gomera sy Magoga sy Maday sy Javana sy Tobala sy Maseka ary Tirasa. **3** Ary ny zanakalahin' i Gomera dia Askenaza sy Rifata ary Togarma. **4** Ary ny zanakalahin' i Javana dia Elisaha sy Tarsisy sy ny Kitima sy ny Dodanita. **5** Avy tamin' ireo no niavakavahan' ny nosin' ny firenena tany amin' ny taniny, dia samy araka ny fiteniny avy, araka ny mpianakaviny avy, tamin' ny fireneny avy. **6** Ary ny zanakalahin' i Hama dia Kosy sy Mizraima sy Pota ary Kanana. **7** Ary ny zanakalahin' i Kosy dia Seba sy Havila sy Sabta sy Ragama ary Sabteka; ary ny zanakalahin' i Ragama dia Seba sy Dedana. **8** Ary Kosy niteraka an' i Nimroda; izy no voalohany izay tonga olona mahery tambonin' ny tany. **9** Izy dia mpihaza mahery teo anatrehan' i Jehovah, ka izany no nanaovan' ny olona hoe: Tahaka an' i Nimroda, mpihaza mahery eo anatrehan' i Jehovah. **10** Ary ny niandohan' ny fanjakany dia Babela sy Ereka sy Akada ary Kalne tany amin' ny tany Sinara. **11** Ary nivoaka avy tamin' izany tany izany izy ka nankany Asyria, dia nanorina an' i Ninive mbamin' i Rehobot-ira sy Kala **12** ary Resena teo anelanelan' i Ninive sy Kala, dia ilay tanàna lehibe izany. **13** Ary Mizraima niteraka ny Lodita sy ny Anamita sy ny Lehabita sy ny Naftohita **14** sy ny Patrosita sy ny Kaslohita izay nihavian' ny Filistina ary ny Kaftorita. **15** Ary Kanana niteraka an' i Sidona lahimatoany sy Heta, **16** ary ny Jebosita, sy ny Amorita sy ny Girgasita **17** sy ny Hivita sy ny Arkita sy ny Sinita **18** sy ny Arvadita sy ny Zemarita ary ny Hamatita; ary nony taoriana dia niely ny firenen' ny Kananita. **19** Ary ny fari-tanin' ny Kananita dia hatrany Sidona ka hatrany Gaza ao akaikin' i Gerara, ka hatrany Lesa ao akaikin' i Sodoma sy Gomora sy Adma ary Zeboïma. **20** Ireo no zanak' i Hama, araka ny mpianakaviny, araka ny fiteniny, amin' ny taniny, amin' ny fireneny. **21** Dia niteraka koa Sema, rain' ny zanak' i Ebera rehetra rahalahin' i Jafeta, izay zokiny. **22** Ny zanakalahin' i Sema dia Elama sy Asyra sy Arpaksada sy Loda ary Arama. **23** Ary ny zanakalahin' i Arama dia Oza sy Hola sy Gatera ary Masy. **24** Ary Arpaksada niteraka an' i Sela; ary Sela niteraka an' i Ebera. **25** Ary Ebera niteraka roa lahy: ny anaran' ny iray natao hoe Palega, satria tamin' ny androny no nizarana ny tany; ary Joktana no anaran' ny rahalahiny. **26** Ary Joktana niteraka an' i Almodada sy Salefa sy Hazarmaveta sy Jera **27** sy Hadorama sy Ozala sy Dikla **28** sy Obala sy Abimaela sy Sheba **29** sy Ofira sy Havila ary Jobaba; ireo rehetra ireo no zanakalahin' i Joktana. **30** Ary ny fonenan' ireo dia hatrany Mesa ao akaikin' i Sefara, tendrombohitra atsinanana. **31** Ireo no zanak' i Sema, araka ny mpianakaviny, araka ny fiteniny, amin' ny taniny, araka ny fireneny. **32** Ireo no mpianakavin' ny zanak' i Noa, araka ny taranany, amin' ny fireneny; ary avy tamin' ireo no niavakavahan' ny firenena tambonin' ny tany taorian' ny safo-drano.

11 Ary ny tany rehetra dia iray fanononana sy iray fiteny. **2** Ary raha nifindrafindra niantsinanana ny olona, dia nahita tany lemaka tany amin' ny tany Sinara izy ka nonina teo. **3** Ary niresadresaka hoe izy: Andeha isika hanao biriky ka handotra azy tsara. Ary ny biriky na taony solom-bato, ary ny asfalta nataony solon-drihitra. **4** Ary hoy izy: Andeha isika hanao tanàna sy tilikambo ho antsika, ka ny tampony hahatakatra ny lanitra, dia hanao izay hahazoantsika laza, fandrao hiely eny ambonin' ny tany rehetra isika. **5** Dia nidina Jehovah hizaha ny tanàna sy ny tilikambo, izay nataon' ny zanak' olombelona. **6** Ary hoy Jehovah: Indro, iray foko ny olona, sady iray fanononana izy rehetra, ary ity vao fiandohan' ny hataony; koa izao dia tsy hisy azo sakanana na inona na inona izay saintsaininy hatao. **7** Aoka isika hidina, ka eny no hanorokoroantsika ny fiteniny, mba tsy hifankahala teny izy. **8** Dia tao no nampielezan' i Jehovah azy hiala ho eny ambonin' ny tany rehetra; dia nitsahatra tsy nanao ny tanàna intsony izy. **9** Koa izany no nanaovana ny anarany hoe Babela; fa tao Jehovah no nanorokoro ny fitenin' ny tany rehetra; ary tao no nampielezan' i Jehovah ny olona ho eny ambonin' ny tany rehetra. **10** Izao no taranak' i Sema: Rehefa zato taona Sema, dia niteraka an' i Arpaksada izy roa taona taorian' ny safo-drano. **11** Ary ny andro niainan' i Sema taorian' ny niterahany an' i Arpaksada dia diman-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **12** Ary rehefa dimy amby telo-polo taona ny andro niainan' i Arpaksada, dia niteraka an' i Sela izy. **13** Ary ny andro niainan' i Arpaksada taorian'

ny niterahany an' i Sela dia telo amby efa-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **14** Ary rehefa telo-polo taona ny andro niainan' i Sela, dia niteraka an' i Ebera izy. **15** Ary ny andro niainan' i Sela taorian' ny niterahany an' i Ebera dia telo amby efa-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **16** Ary rehefa efatra amby telo-polo taona ny andro niainan' i Ebera, dia niteraka an' i Palega izy. **17** Ary ny andro niainan' i Ebera taorian' ny niterahany an' i Palega dia telo-polo amby efa-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **18** Ary rehefa telo-polo taona ny andro niainan' i Palega, dia niteraka an-dReo izy, **19** Ary ny andro niainan' i Palega taorian' ny niterahany an-dReo dia sivy amby roan-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **20** Ary rehefa roa amby telo-polo, taona ny andro niainan-dReo, dia niteraka an' i Seroga izy. **21** Ary ny andro niainan-dReo taorian' ny niterahany an' i Seroga dia fito amby roan-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **22** Ary rehefa telo-polo taona ny andro niainan' i Seroga, dia niteraka an' i Nahora izy, **23** Ary ny andro niainan' i Seroga taorian' ny niterahany an' i Nahora dia roan-jato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **24** Ary rehefa sivy amby roa-polo taona ny andro niainan' i Nahora, dia niteraka an' i Tera izy. **25** Ary ny andro niainan' i Nahora taorian' ny niterahany an' i Tera dia sivy ambin' ny folo amby zato taona; ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **26** Ary rehefa fito-polo taona ny andro niainan' i Tera, dia niteraka an' i Abrama sy Nahora ary Harana izy: **27** Ary izao no taranak' i Tera: Tera niteraka an' i Abrama sy Nahora ary Harana; ary Harana niteraka an' i Lota. **28** Ary maty Harana, raha mbola teo anatrehan' i Tera rainy tany amin' ny tany nahaterahany, dia tao Oran' ny Kaldeana. **29** Ary Abrama sy Nahora dia samy naka vady ho azy: ny anaran' ny vadin' i Abrama dia Saray; ary ny anaran' ny vadin' i Nahora dia Milka, zanakavavin' i Harana, rain' i Milka sy rain' Iska. **30** Ary momba Saray; tsy nanan-janaka izy. **31** Ary Tera nitondra an' i Abrama zanany sy Lota zafiny, zanak' i Harana, ary Saray vinantoni-vavy, vadin' i Abrama zanany; dia niaraka taminy ireo ka niala tao Oran' ny Kaldeana hankany amin' ny tany Kanana; dia tonga tao Harana izy ka nonina tao. **32** Ary dimy amby roan-jato taona ny andro niainan' i Tera; dia maty tao Harana izy.

12 Ary hoy Jehovah tamin' i Abrama: Mandehana miala amin' ny taninao sy ny havanao ary ny tranon' ny rainao hankany amin' ny tany izay hasehoko anao; **2** dia hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa ianao; **3** ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany. **4** Dia nandeha Abrama araka izay efa nolazain' i Jehovah taminy, ary Lota koa mba niaraka taminy. Ary efa dimy amby fito-polo taona Abrama, raha niala tao Harana izy. **5** Ary Abrama nitondra an' i Saray vadiny sy Lota zana-drahalahiny mbamin' ny fananan' izy rehetra izay efa nohariny sy ny olona izay efa azony tao Harana; dia niainga izy ireo hankany amin' ny tany Kanana, ka tonga tany amin' ny tany Kanana izy. **6** Ary Abrama dia nitety ny tany hatrany Sekema, dia tao an-kazo terebintan' i More. Ary ny Kananita no tompon-tany tany Kanana fahizay. **7** Ary Jehovah niseho tamin' i Abrama ka nanao hoe: Ny taranakao no homeko ity tany ity. Dia nanorina alitara teo izy ho an' i Jehovah Izay niseho taminy. **8** Ary nifindra niala teo izy hankany amin' ny tendrombohitra atsinanan' i Betela ka nanorina ny lainy teo anelanelan' i Betela tao andrefany sy Ay tao atsinanany; dia nanorina alitara teo koa ho an' i Jehovah izy ka niantso ny anaran' i Jehovah. **9** Ary nifindra Abrama ka nandroso niandalana ho any amin' ny tany atsimo. **10** Ary nisy mosary teo amin' ny tany; ary Abrama dia nidina nankany Egypta hivahiny any, fa mafy ny mosary teo amin' ny tany. **11** Ary rehefa nadiva ho tonga tany Egypta izy, dia hoy izy tamin' i Saray vadiny: Indro, fantatro fa vehivavy tsara tarehy ianao, **12** ka, raha hitan' ny Egyptiana, dia hataony hoe: Vadiny io; ka hovonoiny aho, fa ianao kosa hovelominy. **13** Masìna ianao, lazao fa anabaviko ianao, mba hasiany soa aho noho ny aminao, ka ianao no hamelomany ahy. **14** Ary rehefa tonga tany Egypta Abrama, dia hitan' ny Egyptiana fa tsara tarehy indrindra ravehivavy. **15** Ary nahita azy ny tandapan' i Farao ka nidera azy tamin' i Farao; dia nentina tao an-tranon' i Farao izy. **16** Ary Abrama nasian' i Farao soa noho ny amin' i Saray; dia nahazo ondry sy omby sy borikilahy sy andevolahy sy andevovavy sy borikivavy sy rameva izy. **17** Dia nasian' i Jehovah areti-mandoza Farao sy ny ankohonany noho ny amin' i Saray, vadin' i Abrama. **18** Ary Farao dia nampaka an' i Abrama ka nanao hoe: Inona izao nataonao tamiko izao? Nahoana no tsy nambaranao tamiko fa vadinao izy? **19** Nahoana ianao no nanao hoe: Anabaviko izy? ka nalaiko ho vady izy; koa ankehitriny, indro ny vadinao, ento izy, ka mandehana. **20** Dia nomen' i Farao teny ny mpanompony sasany ny amin' i Abrama; ary dia nanatitra azy sy ny vadiny mbamin' ny fananany rehetra ireo.

13 Ary Abrama dia niakatra niala tany Egypta, dia izy sy ny vadiny mbamin' ny fananany rehetra, ary Lota koa niaraka taminy, ho any amin' ny tany atsimo. **2** Ary Abrama nanana harena be, dia omby aman' ondry sy volafotsy ary volamena. **3** Ary mbola nandeha ihany izy ka nifindrafindra hatrany amin' ny tany atsimo ka hatrany Betela, izay niorenan' ny lainy tamin' ny voalohany, teo anelanelan' i Betela sy Ay, **4** dia teo amin' ny tany izay nisy ilay alitara nataony tamin' ny voalohany; ary dia niantso ny anaran' i Jehovah teo Abrama. **5** Ary Lota koa, izay niara-nandeha tamin' i Abrama, dia mba nanana ondry sy omby sy lay. **6** Ary tsy omby azy roa lahy ny tany hiraisany monina; fa efa be ny fananany, ka tsy nahazo niray monina izy. **7** Dia niady ny mpiandry ombin' i Abrama sy ny mpiandry ombin' i Lota; ary ny Kananita sy ny Perizita no tompon-tany tao Kanana fahizay. **8** Ary hoy Abrama tamin' i Lota: Aoka re mba tsy hisy ady amintsika roa lahy, na amin' ny mpiandry ombiko sy ny mpiandry ombinao, fa mpirahalahy isika. **9** Moa tsy eo anoloanao va ny tany rehetra? Masìna ianao, aoka hisaraka amiko ianao; raha hianavaratra ianao, dia hianatsimo aho; fa raha hianatsimo ianao, dia hianavaratra

kosa aho. **10** Ary Lota nanopy ny masony ka nitazana ny tany rehetra teny amoron' i Jordana hatrany akaikin' i Zoara, fa azon-drano avokoa izy rehetra (talohan' ny nandravan' i Jehovah an' i Sodoma sy Gomora izany), tahaka ny sahan' i Jehovah sy tahaka ny tany Egypta. **11** Dia nofidin' i Lota ho azy ny tany rehetra amoron' i Jordana, ka nifindra niantsinanana izy; ka dia nisaraka izy roa lahy. **12** Ary Abrama nonina tao amin' ny tany Kanana, fa Lota kosa nonina tao an-tanàna amin' ny tany amoron' i Jordana ka nifindrafindra toby hatrany Sodoma. **13** Ary ny mponina tao Sodoma dia tena ratsy fanahy sady mpanota indrindra tamin' i Jehovah. **14** Ary Jehovah niteny tamin' i Abrama taorian' ny nisarahan' i Lota taminy ka nanao hoe: Atopazy ny masonao, ka hatramin' ity tany itoeranao ity dia mitazana mianavaratra sy mianatsimo ary miantsinanana sy miankandrefana; **15** fa ny tany rehetra izay tazanao dia homeko anao sy ny taranakao mandrakizay. **16** Ary hataoko maro tahaka ny vovo-tany ny taranakao; koa raha misy olona mahisa ny vovo-tany, dia ho azo isaina koa ny taranakao. **17** Miaingà ianao, mandehana mitety ny tany, dia any amin' ny lavany sy any amin' ny sakany; fa homeko anao izy. **18** Ary Abrama nifindrafindra toby, dia nandeha ka nonina teo an-kazo terebintan' i Mamre, izay any Hebrona, ary nanorina alitara teo ho an' i Jehovah izy.

14 Ary tamin' ny andron' i Amrafela, mpanjakan' i Sinara, sy Arioka, mpanjakan' i Elasara, sy Kedorlaomera mpanjakan' i Elama, ary Tidala, mpanjakan' ny Goïma, **2** dia nandeha izy ireo ka nanafika an' i Bera, mpanjakan' i Sodoma, sy Birsa, mpanjakan' i Gomora, sy Sinaba, mpanjakan' i Adma, sy Semebera, mpanjakan' i Zeboïma, ary ny mpanjakan' i Bela (dia Zoara izany). **3** Ary ireo rehetra ireo dia nanao fotoana ka nivory tao an-dohasahan' i Sidima (dia ny Ranomasin-tsira izany). **4** Fa efa nanompo an' i Kedorlaomera roa ambin' ny folo taona ireo, fa tamin' ny taona fahatelo ambin' ny folo kosa dia niodina izy. **5** Ary tamin' ny taona fahefatra ambin' ny folo dia tonga Kedorlaomera sy ireo mpanjaka nomba azy ka namely ny Refaïta tany Astarta-karnaima sy ny Zozima tany Hama ary ny Emima tany Save-kiriataima **6** ary ny Horita tany an-tendrombohitra Seïra hatrany El-parana, izay eo anilan' ny efitra. **7** Dia niverina indray izy ireo ka nankany Enamispata (dia Kadesy izany) ka namely ny tany rehetra an' ny Amalekita sy ny Amorita koa, izay nonina tany Hazazontamara. **8** Dia nivoaka ny mpanjakan' i Sodoma sy ny mpanjakan' i Gomora sy ny mpanjakan' i Adma sy ny mpanjakan' i Zeboïma ary ny mpanjakan' i Bela (dia Zoara izany) ka nilahatra hiady amin' ireo teo an-dohasahan' i Sidima, **9** dia tamin' Kedorlaomera, mpanjakan' i Elama, sy Tidala, mpanjakan' ny Goïma sy Amrafela, mpanjakan' i Sinara ary Arioka, mpanjakan' i Elasara; dia mpanjaka efatra no niady tamin' ny mpanjaka dimy. **10** Ary ny lohasahan' i Sidima, dia be lavak' asfalta, ary nandositra ny mpanjakan' i Sodoma sy ny mpanjakan' i Gomora ka latsaka tao; ary ny sisa nandositra tany an-tendrombohitra. **11** Ary izy ireo namabo ny fananana rehetra tao Sodoma sy Gomora ary ny hanina rehetra, dia lasa nandeha. **12** Ary namabo ny zana-drahalahin' i Abrama koa izy, dia Lota, mbamin' ny fananany, dia lasa nandeha; fa nonina tao Sodoma koa Lota. **13** Ary tonga ny anankiray izay efa nandositra ka nanambara tamin' i Abrama Hebreo izay nonina teo an-kazo terebintan' i Mamre Amorita, rahalahin' i Eskola sy Anera; fa ireo dia olona efa vita fanekena tamin' i Abrama. **14** Ary raha nahare Abrama fa lasan-ko babo ny rahalahiny dia nitondra ny ompikeliny valo ambin' ny folo amby telon-jato izy, izay efa nahay niady, ka nanenjika hatrany Dana. **15** Dia nitokotoko hamely azy nony alina izy sy ny andevolahiny; dia namely azy izy ka nanenjika azy hatrany Hoba, izay ao avaratr' i Damaskosy. **16** Ary nampody ny fananana rehetra izy, ary Lota rahalahiny sy ny fananany dia nampodiny koa mbamin' ny vehivavy sy ny vahoaka. **17** Dia nivoaka ny mpanjakan' i Sodoma hitsena an' i Abrama teo an-dohasaha Save (Lohasahan' ny mpanjaka izany), rehefa niverina izy avy nandresy an' i Kedorlaomera sy ireo mpanjaka nomba azy. **18** Ary Melkizedeka, mpanjakan' i Salema, nivoaka nitondra mofo sy divay; ary izy dia mpisoron' Andriamanitra Avo Indrindra. **19** Dia nitso-drano azy Izy ka nanao hoe: Hotahin' Andriamanitra Avo indrindra anie Abrama, dia Andriamanitra Izay nahary ny lanitra sy ny tany; **20** Ary isaorana anie Andriamanitra Avo Indrindra, Izay efa nanolotra ny fahavalonao teo an-tananao. Dia nomen' i Abrama azy ny ampahafolon' ny zavatra rehetra. **21** Ary hoy ny mpanjakan' i Sodoma tamin' i Abrama: Omeo ahy ny olona, fa ny fananana ento ihany ho anao. **22** Fa hoy Abrama tamin' ny mpanjakan' i Sodoma: Izaho efa nanangan-tanana tamin' i Jehovah, Andriamanitra Avo Indrindra, Izay nahary ny lanitra sy ny tany, **23** fa tsy handray na taretra na fehin-kapa aza amin' izay rehetra mety ho anao andrao hataonao hoe: Izaho no nampanankarena an' i Abrama, **24** afa-tsy izay efa nohanin' ny zatovo sy ny anjaran' ny olona izay niaraka tamiko, dia Anera sy Eskola ary Mamre; aoka horaisin' ireo ny anjarany.

15 Rehefa afaka izany, dia tonga tamin' i Abrama ny tenin' i Jehovah tamin' ny fahitana ka nanao hoe: Aza matahotra, ry Abrama; Izaho no ampinganao sy valimpitia lehibe indrindra ho anao. **2** Ary hoy Abrama: Jehovah Tompo ô, inona no homenao ahy? fa izaho mandroso fahanterana nefa tsy manan-janaka, ary ny ho tompon' ny ahy dia ilay Eliezera avy any Damaskosy. **3** Ary hoy koa Abrama: Indro, izaho tsy nomenao fara handimby, ka, indro, ny anankiray amin' ny ato an-tranoko no handova ahy. **4** Ary, indro, ny tenin' i Jehovah tonga taminy hoe: Tsy handova anao izany; fa izay haterakao, dia izy no handova anao. **5** Dia nitondra azy nivoaka teo ivelan' ny lay Izy ka nanao hoe: Jereo ange ny lanitra, ka isao ny kintana, raha mahisa azy ianao. Dia hoy Izy taminy: Ho tahaka izany ny taranakao. **6** Ary nino an' i Jehovah izy; ka dia nisainy ho fahamarinany izany. **7** Ary hoy Izy taminy: Izaho no Jehovah Izay nitondra anao nivoaka avy tany Oran' ny Kaldeana, mba homeko anao ity tany ity ho lovanao. **8** Ary hoy Izy: Jehovah Tompo ô, ahoana no hahafantarako fa handova ity aho? **9** Ary hoy Izy taminy: Itondray ombivavy kely efa telo taona Aho sy osivavy efa telo taona sy ondrilahy

efa telo taona ary domohina sy zana-boromailala. **10** Dia nentiny teo aminy izany rehetra izany; ary nosasahiny ireny, ka nampifanandrifiny avy ny tapany; fa ny vorona tsy mba nosasahiny. **11** Ary nidina teo amin' ny fatin' ireo ny vorona mpihaza, fa nandroaka azy Abrama. **12** Ary rehefa hilentika ny masoandro, dia sondrian-tory Abrama; ary, indro, aizina mahatsiravina indrindra no nahazo azy. **13** Ary hoy Jehovah tamin' i Abrama: Aoka ho fantatrao marina fa ho vahiny any amin' ny tany izay tsy azy ny taranakao ary hanompo ny olona any; ary hampahoriny efa-jato taona izy. **14** Ary izany firenena izany kosa, izay hotompoiny, dia hotsaraiko; ary rehefa afaka izany, dia hivoaka mitondra harem-bevava izy. **15** Nefa ianao kosa ho any amin' ny razanao amin' ny fiadanana; ho tratrantitra indrindra ianao vao hodi-mandry. **16** Fa raha mby amin' ny zafiafy, dia hiverina atỳ izy; fa tsy mbola tanteraka ny heloky ny Amorita. **17** Ary rehefa maty ny masoandro, ka maizina dia maizina ny andro, dia, indro, nisy fatana fandoroana mivoa-tsetroka sy fanilo mirehitra, izay nandeha namaky teo anelanelan' ireo zavatra voasasaka ireo. **18** Tamin' izany andro izany Jehovah nanao fanekena tamin' i Abrama ka nanao hoe: Ny taranakao efa nomeko ity tany ity hatrany amin' ny onin' i Egypta ka hatrany amin' ny ony lehibe, dia ny ony Eofrata, **19** dia ny Kenita sy ny Kenizita sy ny Kadmonita **20** ary ny Hetita sy ny Perizita sy ny Refaïta **21** ary ny Amorita sy ny Kananita sy ny Girgasita ary ny Jebosita.

16 Ary Saray, vadin' i Abrama, tsy mba niteraka; ary izy nanana mpanompovavy Egyptiana, Hagara no anarany. **2** Ary hoy Saray tamin' i Abrama: Indro, efa tsy nanome zanaka ahy Jehovah; masìna ianao, mivadia amin' ny mpanompovaviko; angamba hahazo zaza aminy aho. Dia neken' i Abrama ny tenin' i Saray. **3** Ary rehefa nonina folo taona teo amin' ny tany Kanana Abrama, dia nalain' i Saray, vadin' i Abrama, Hagara Egyptiana mpanompovaviny, ka nomeny an' i Abrama vadiny mba hovadiny. **4** Dia nivady tamin' i Hagara izy, ka nanan' anaka ravehivavy; ary rehefa hitany fa efa manan' anaka izy, dia nataony toy ny tsinontsinona ny tompovaviny. **5** Ary hoy Saray tamin' i Abrama: Hanody anao anie ny fahoriako; fa efa nomeko ho andefimandrinao ny mpanompovaviko, ary nony hitany fa efa manan' anaka izy, dia nataony toy ny tsinontsinona aho; Jehovah anie hitsara ahy sy ianao. **6** Ary hoy Abrama tamin' i Saray: Indro, eo an-tananao ihany ny mpanompovavinao; ataovy aminy izay sitraponao. Ary raha nampahorin' i Saray Hagara, dia nandositra ny tavany izy. **7** Ary Ilay Anjelin' i Jehovah nahita azy teo anilan' ny loharano anankiray tany an-efitra, dia teo anilan' ilay loharano eo amin' ny lalana mankany Sora. **8** Ary hoy Izy: Ry Hagara, andevovavin' i Saray, avy taiza ianao? Ary hankaiza? Ary hoy izy; Mandositra ny tavan' i Saray tompovaviko aho. **9** Ary hoy Ilay Anjelin' i Jehovah taminy: Miverena any amin' ny tompovavinao ka miareta izay ataony aminao. **10** Ary hoy koa Ilay Anjelin' i Jehovah taminy: Hataoko maro indrindra ny taranakao, ka tsy ho azo isaina izy noho ny hamaroany. **11** Ary hoy indray Ilay Anjelin' i Jehovah taminy: Indro, manan' anaka ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany hataonao hoe Isimaela, satria efa nihaino ny fahorianao Jehovah. **12** Ary izy ho lehilahy toy ny boriki-dia; ny tànany hamely ny olona rehetra, ary ny tanan' ny olona rehetra kosa hamely azy; ary honina eo tandrifin' ny rahalahiny rehetra izy. **13** Ary Hagara nanao ny anaran' i Jehovah, Izay niteny taminy hoe: Hianao no Andriamanitra Izay mahita; fa hoy izy: Tsy teto va no mbola velona aho aorian' ny fahitana? **14** Izany no nanaovana ny lavaka fantsakana hoe: Bera-lahai-roy; indro, eo anelanelan' i Kadesy sy Bareda izany. **15** Ary Hagara dia niteraka zazalahy tamin' i Abrama; ary ny anaran' ny zanany izay naterany dia nataon' i Abrama hoe Isimaela. **16** Ary efa enina amby valo-polo taona Abrama, raha Hagara niteraka an' Isimaela taminy.

17 Ary rehefa sivy amby sivi-folo taona Abrama, dia nisehoan' i Jehovah izy ka nitenenany hoe: Izaho no Andriamanitra Tsitoha; mandehana eo anatrehako, ka aoka ho tsy misy tsiny ianao. **2** Fa Izaho hanao ny fanekeko ho amiko sy ho aminao ary hahamaro anao indrindra. **3** Dia niankohoka Abrama; ary Andriamanitra niteny taminy ka nanao hoe: **4** Raha ny amiko, dia, indro, aminao ny fanekeko, ka ho tonga rain' ny firenena maro ianao. **5** Ary ny anaranao tsy hatao hoe Abrama intsony, fa hatao hoe Abrahama, satria efa nataoko ho rain' ny firenena maro ianao. **6** Dia hahamaro ny taranakao indrindra Aho, ka hataoko ho firenena maro ianao; ary hisy mpanjaka hiseho avy aminao. **7** Ary haoriko ny fanekeko ho amiko sy ho aminao mbamin' ny taranakao mandimby anao hatramin' ny taranaka fara mandimby, ho fanekena mandrakizay, mba ho Andriamanitrao sy ny taranakao mandimby anao Aho. **8** Ary homeko anao sy ny taranakao any aorianao ny tany fivahinianao, dia ny tany Kanana rehetra, ho fananana mandrakizay; ary ho Andriamaniny Aho. **9** Dia hoy Andriamanitra tamin' i Abrahama: Fa ny aminao kosa, dia hitandrina ny fanekeko ianao, dia ianao sy ny taranakao mandimby anao hatramin' ny taranaka fara mandimby. **10** Ary izao no fanekeko ho amiko sy ho aminareo sy ny taranakao mandimby anao, dia izay hotandremanareo: hoforana ny lehilahy rehetra eo aminareo. **11** Dia hoforana ianareo; ary ho famantarana ny fanekena ho amiko sy ho aminareo izany. **12** Ny zazalahy teraka havaloana eo aminareo no hoforana, dia ny lehilahy rehetra amin' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby: na ny ompikely, na izay novidim-bola tamin' ny hafa firenena ka tsy avy amin' ny taranakao. **13** Tsy maintsy hoforana ny ompikelinao sy izay novidinao vola; ary ny fanekeko dia ho ao amin' ny nofonareo ho fanekena mandrakizay. **14** Ary ny lehilahy tsy voafora, izay tsy mbola noforana, dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny; efa nivadika ny fanekeko izy. **15** Dia hoy Andriamanitra tamin' i Abrahama: Ny amin' i Saray vadinao, dia tsy mba hataonao Saray intsony ny anarany, fa Saraha no ho anarany. **16** Ary hitahy azy Aho ka hampanana azy zazalahy ho anao; eny, hitahy azy Aho, ka ho tonga firenena maro izy; ary hisy mpanjakan' ny firenena maro avy aminy. **17** Dia niankohoka Abrahama ary

nitsiky, dia nanao anakampo hoe: Hiteraka va aho, izay efa zato taona? ary hiteraka va Saraha, izay efa sivi-folo taona? **18** Ary hoy Abrahama tamin' Andriamanitra: Enga anie ka Isimaela no ho velona eo anatrehanao! **19** Ary hoy Andriamanitra: Tsia, fa Saraha vadinao hiteraka zazalahy aminao; ary ny anarany dia hataonao hoe Isaka; ary ny fanekeko haoriko aminy ho fanekena mandrakizay ho an' ny taranany mandimby azy. **20** Ary ny amin' Isimaela, dia efa nihaino anao Aho; indro, efa nitahy azy Aho ka hahamaro ny taranany sy hampitombo azy indrindra; hiteraka andriana roa ambin' ny folo izy, satria efa notendreko ho firenena lehibe. **21** Nefa ny fanekeko haoriko amin' Isaka, izay haterak' i Saraha aminao raha avy ny taona toy izao. **22** Ary rehefa vita ny teny nataony taminy, dia niakatra Andriamanitra niala teo amin' i Abrahama. **23** Koa dia nalain' i Abrahama Isimaela zanany sy ny ompikeliny rehetra mbamin' izay rehetra novidiny vola dia ny lehilahy rehetra tao an-tranony; dia noforany androtrizay indrindra ireo araka izay nolazain' Andriamanitra taminy. **24** Ary efa sivy amby sivi-folo taona Abrahama, raha noforana izy. **25** Ary efa telo ambin' ny folo taona Isimaela zanany, raha noforana izy. **26** Androtrizay indrindra no namorana an' i Abrahama sy Isimaela zanany; **27** ary ny lehilahy rehetra tao an-tranony, dia ny ompikely mbamin' izay novidim-bola tamin' ny hafa firenena, dia samy niara-noforana taminy avokoa.

18 Ary Jehovah niseho tamin' i Abrahama teo an-kazo terebintan' i Mamre; ary nipetraka teo am-baravaran' ny lainy izy, raha nafana ny andro; **2** dia nanopy ny masony izy ka niery, ary, indreo, nisy telo lahy nijanona teo tandrifiny, ka nony nahita ireo izy, dia niala teo am-baravaran' ny lainy ka nihazakazaka hitsena azy, dia niankohoka tamin' ny tany **3** ka nanao hoe: Tompo ô, raha mahita fitia eto imasonao aho, masìna ianao, aza dia mandalo ny mpanomponao. **4** Aoka hangalana rano kely ianareo hanasana ny tongotrareo; ary aoka mba hiala sasatra kely eo am-pototry ny hazo ianareo; **5** dia haka mofo kely aho hataonareo ody am-bavafo; ary rehefa afaka izany, dia handeha ihany ianareo; fa tonga atỳ amin' ny mpanomponareo ianareo. Ary hoy izy telo lahy: Ataovy ihany araka izay nolazainao. **6** Dia nandeha faingana Abrahama nankany an-day tany amin' i Saraha ka nanao hoe: Faingana, makà koba tsara toto intelon' ny famarana; dia fetafetao ka ataovy mofo. **7** Ary Abrahama kosa nihazakazaka nankany amin' ny omby, dia naka zanak' omby tanora sady tsara ka nanolotra azy tamin' ny ankizilahy, dia lasa faingana izy hamboatra azy. **8** Ary Abrahama naka ronono mandry sy ronono ary ilay zanak' omby efa namboariny, dia narosony teo anoloan' izy telo lahy; ary nijanona teo anilany teo ambanin' ny hazo izy, dia nihinana izy telo lahy. **9** Ary hoy izy telo lahy tamin' i Abrahama: Aiza Saraha vadinao? Ary hoy kosa izy: Indro, ao an-day izy. **10** Ary hoy Izy: Hiverina aminao tokoa Aho raha avy ny taona toy izao; ary, indro hanana zazalahy Saraha vadinao. Ary Saraha nandre izany teo am-baravaran' ny lay, izay teo ivohon' Ilay niteny. **11** Ary Abrahama sy Saraha dia samy efa zoki-olona ka nandroso fahanterana, ary efa nitsahatra tamin' ny fombam-behivavy Saraha. **12** Ary Saraha dia nihomehy anakampo ka nanao hoe: Moa mbola hanana hafaliana ihany va aho rehefa tratrantitra toy izao, sady efa antitra koa itompokolahy? **13** Ary hoy Jehovah tamin' i Abrahama: Nahoana no nihomehy Saraha ka nanao hoe: Hiteraka tokoa va aho, kanefa izao efa antitra izao? **14** Fa moa misy zavatra mahagaga izay tsy hain' i Jehovah va? Amin' ny fotoan' andro raha avy ny taona toy izao dia hiverina aminao Aho, ary Saraha hanana zazalahy. **15** Dia nandà Saraha satria natahotra izy, ka nanao hoe: Tsy nihomehy aho tsy akory. Fa hoy Ilay niteny: Tsia; fa nihomehy mihitsy ianao. **16** Dia nitsangana ireny lehilahy ireny ka niala teo, dia nitsinjo an' i Sodoma; ary Abrahama niaraka taminy hanatitra azy. **17** Ary Jehovah nanao hoe: Hafeniko amin' i Abrahama va izay hataoko? **18** Fa Abrahama ho tonga firenena lehibe sy mahery tokoa, ary aminy no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany. **19** Fa efa nifidy azy Aho mba handidy ny zanany sy ny taranany mandimby azy hitandreman' ireo ny lalàn' i Jehovah hanao izay marina sy mahitsy, mba hitondran' i Jehovah amin' i Abrahama izay efa nolazainy taminy. **20** Ary hoy Jehovah: Ny fitarainan' i Sodoma sy Gomora dia lehibe tokoa, ary ny fahotany dia mavesatra indrindra; **21** hidina Aho ka hizaha na efa nahatanteraka izany tokoa izy araka ny fitarainan' ny tany, izay efa tonga atỳ amiko, na tsia; ary raha tsy izany, dia ho fantatro. **22** Dia nihodina niala teo ireo lehilahy ireo ka nandroso ho any Sodoma; fa Abrahama kosa mbola nijanona teo anatrehan' i Jehovah. **23** Dia nanatona Abrahama ka nanao hoe: Haringanao miaraka amin' ny meloka va ny marina? **24** Angamba misy olo-marina dimam-polo ao an-tanàna; haringanao koa va, ka tsy hamindranao fo ny tanàna noho ny dimam-polo marina izay ao? **25** Sanatria Anao raha hanao toy izany ka hamono ny marina miaraka amin' ny meloka, ka ny marina hatao tahaka ny meloka; sanatria Anao izany! tsy hitsara marina va ny Mpitsara ny tany rehetra? **26** Ary hoy Jehovah: Raha mahita dimam-polo marina ao an-tanàna Sodoma Aho, dia hamindrako fo ny tanàna rehetra noho ireny. **27** Dia namaly Abrahama ka nanao hoe: Indro, fa efa sahy niteny tamin' ny Tompo aho nefa vovoka sy lavenona: **28** Angamba ho latsaka dimy ny dimam-polo marina; moa haringanao va ny tanàna rehetra noho ny dimy? Ary hoy Izy: Tsy handringana Aho, raha mahita dimy amby efa-polo ao. **29** Dia, mbola niteny taminy indray izy ka nanao hoe: Angamba efa-polo no ho hita ao. Ary hoy Izy: Tsy mba hanao izany Aho noho ny efa-polo. **30** Ary hoy izy: Aoka anie mba tsy ho tezitra ny Tompo, fa mbola hiteny aho: Angamba telo-polo no ho hita ao. Ary hoy Izy: Tsy mba hanao izany Aho, raha mahita telo-polo ao. **31** Ary hoy izy: Indro, fa efa sahy niteny tamin' ny Tompo aho: Angamba roa-polo no ho hita ao. Ary hoy Izy: Tsy mba handringana azy Aho noho ny roa-polo. **32** Ary hoy izy: Aoka anie mba tsy ho tezitra Hianao, Tompo, fa hiteny izao indray mandeha izao ihany aho: Angamba folo no ho hita ao. Ary hoy Izy: Tsy mba handringana Aho noho ny folo. **33** Dia lasa nandeha Jehovah, rehefa vita ny teny nataony

tamin' i Abrahama; ary Abrahama niverina ho any amin' ny fonenany.

19 Dia nankany Sodoma ilay anjely roa nony hariva, raha Lota nipetraka teo am-bavahadin' i Sodoma; ary raha nahita azy Lota, dia nitsangana mba hitsena azy izy ka niankohoka tamin' ny tany. **2** Dia hoy izy: Mba mivilia ianareo, tompoko, ho ato an-tranon' ny mpanomponareo, ka mandria anio alina, ary sasao ny tongotrareo, ary hifoha maraina koa ianareo, dia handeha amin' izay lalan-kalehanareo. Fa hoy izy roa lahy: Tsia; fa hitoetra eto an-kianja ihany izahay anio alina. **3** Ary rehefa noteren' i Lota fatratra izy roa lahy, dia nivily tany aminy izy ka niditra tao an-tranony; dia nanaovany nahandro izy sy nanendasany mofo tsy misy masirasira, dia nihinana izy. **4** Ary raha tsy mbola nandry izy, dia avy manodidina ny trano ny mponina tao an-tanàna Sodoma, hatramin' ny tanora ka hatramin' ny antitra, dia ny vahoaka rehetra tao an-tanàna; **5** dia niantso an' i Lota izy ireo ka nanao taminy hoe: Aiza ireo lehilahy vao tonga tato aminao izao alina izao? avoahy ho atỳ aminay izy hahalalanay azy. **6** Dia nivoaka teo am-baravarana Lota hankeo aminy, ka nakatony ny varavarana teo ivohony; **7** ary hoy izy: Masìna ianareo, ry rahalahiko, aza manao ratsy. **8** Indro, manan-janaka roa vavy aho, izay tsy mbola nahalala lahy; masìna ianareo, aoka re ireo no havoakako ho eto aminareo, ka hataonareo aminy izay sitraponareo; fa ireo lehilahy ireo kosa dia aza anaovanareo na inona na inona; fa tonga hialoka eto ambanin' ny tafon-tranoko izy. **9** Ary hoy izy ireo: Mialà eto ianao. Dia hoy izy ireo indray: Ilehity tonga etỳ hivahiny, kanefa matetika mila hiseho ho mpitsara; ankehitriny dia hanao ratsiratsy kokoa aminao noho ny amin' ireo lehilahy ireo izahay. Dia nanosika mafy an-dralehilahy izy ireo, dia an' i Lota, ka nisesika hamaky ny varavarana. **10** Fa naninjitra ny tànany izy roa lahy, dia nanintona an' i Lota hankao an-trano ho ao aminy, ka nakatony ny varavarana. **11** Dia nampanjambena ny mason' ny lehilahy izay teo am-baravaran' ny trano izy hatramin' ny kely ka hatramin' ny lehibe; ka dia sasa-poana nitady ny varavarana ireo. **12** Ary hoy izy roa lahy tamin' i Lota: Mbola manana ato koa va ianao? dia izay vinantonao-lahy sy ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy, ary na zovy na zovy anananao ato an-tanàna, ento miala amin' ity tanàna ity; **13** fa horavanay ity tanàna ity, satria efa lehibe ny fitarainany eo anatrehan' i Jehovah; ka dia naniraka anay Jehovah handrava azy. **14** Dia nivoaka Lota ary niteny tamin' ny vinantony, izay efa hanambady ny zananivavy, ka nanao hoe: Miaingà, miala amin' ity tanàna ity; fa horavan' i Jehovah ity tanàna ity. Fa nataon' ny vinantony ho tahaka ny mpanao vazivazy izy. **15** Ary nony maraina koa ny andro, dia nandodona an' i Lota ireo anjely ka nanao hoe: Miaingà, ento ny vadinao sy ny zanakao roa vavy izay eto, fandrao mba haringana ianao noho ny heloky ny tanàna. **16** Ary nony nitaredretra izy, dia notantanan' izy roa lahy izy sy ny vadiny ary ny zanany roa vavy noho ny famindram-pon' i Jehovah taminy; dia nitondra azy nivoaka izy roa lahy ka nandao azy tany ivelan' ny tanàna. **17** Ary rehefa nitondra azy nivoaka tany ivelany izy, dia hoy ny anankiray: Mandosira hamonjy ny ainao; aza miherika ianao, na mijanona eny amin' ny tany lemaka rehetra; mandosira any an-tendrombohitra, fandrao haringana ianao. **18** Ary hoy Lota taminy: Aza an' izany, Tompo ô! **19** indro, fa efa nahita fitia teo imasonao ny mpanomponao, ary efa nahalehibe ny famindram-ponao ianao, izay nataonao tamiko hamonjenao ny aiko; ary tsy afa-mandositra any an-tendrombohitra aho, fandrao hahatratra ahy ny loza, ka ho faty aho; **20** indro, io vohitra io dia akaiky handosirana sady kely; masìna ianao, aoka handositra ao aho (tsy kely va izy io?), dia ho velona ny aiko. **21** Ary hoy izy taminy: Indro, efa nekeko koa ianao tamin' izany zavatra izany, ka tsy horavako io vohitra nolazainao io. **22** Mandehana faingana, mandosira ho ao; fa tsy mahazo manao na inona na inona aho mandra-pahatonganao ao. Izany no nanaovana ny anaran' ny tanàna hoe Zoara. **23** Ary ny masoandro efa niposaka tamin' ny tany, raha tonga tao Zoara Lota. **24** Ary Jehovah nandatsaka tamin' i Sodoma sy Gomora solifara sy afo, avy tamin' i Jehovah tany an-danitra, **25** ka nandrava ireny tanàna ireny sy ny tany lemaka rehetra sy ny mponina rehetra tao an-tanàna ary ny zava-maniry teo amin' ny tany. **26** Fa ny vadin' i Lota niherika teo ivohony, dia tonga vongan-tsira mitsangana izy. **27** Dia nifoha maraina koa Abrahama ka nankany amin' ilay efa nijanonany teo anatrehan' i Jehovah; **28** ary nitsinjo an' i Sodoma sy Gomora sy ny tany lemaka rehetra izy, dia nahita, ka, indro, niakatra ny setroky ny tany tahaka ny setroky ny lafaoro lehibe. **29** Ary raha noravan' Andriamanitra ny tanàna tany amin' ny tany lemaka, dia nahatsiaro an' i Abrahama Andriamanitra ka namoaka an' i Lota hiala teo afovoan' ny horavana, tamin' ny nandravany ny tanàna izay nonenan' i Lota. **30** Dia niakatra Lota avy tao Zoara ka nitoetra tany an-tendrombohitra, dia izy sy ny zanany roa vavy; fa natahotra hitoetra tao Zoara izy; dia nitoetra tao an-johy izy sy ny zanany roa vavy. **31** Ary hoy ny vavimatoa tamin' ny zandriny: Efa antitra izao raintsika, ary tsy misy lehilahy ambonin' ny tany hanambady antsika araka ny fanaon' ny tany rehetra; **32** andeha hampisotrointsika divay ny raintsika dia handry aminy isika hananantsika fara avy amin' ny raintsika. **33** Dia nampisotroiny divay ny rainy tamin' iny alina iny dia niditra ny vavimatoa ka nandry tamin-drainy; ary izy tsy nahafantatra izay nandriany na izay nifohazany. **34** Ary nony ampitson' iny dia hoy ny vavimatoa tamin' ny zandriny: Indro, efa nandry tamin' ny raintsika aho halina; aoka hampisotrointsika divay indray izy anio alina, dia midìra ianao ka mandria aminy hananantsika fara avy amin' ny raintsika. **35** Dia nampisotroiny divay indray ny rainy tamin' iny alina iny; dia nitsangana ilay zandriny ka nandry taminy; ary izy tsy nahafantatra izay nandriany, na izay nifohazany. **36** Dia samy nanan' anaka tamin-drainao ny zanak' i Lota roa vavy. **37** Dia niteraka zazalahy ny vavimatoa, ka ny anarany nataony hoe Moaba; izy no rain' ny Moabita mandraka androany. **38** Ary ny zandriny koa dia niteraka zazalahy ary ny anarany nataony hoe Benamy; izy kosa no rain' ny taranak' i Amona mandraka androany.

20 Dia nifindra niala teo Abrahama nankany amin' ny tany atsimo ka nitoetra teo anelanelan' i Kadesy sy Sora ary nivahiny tao Gerara izy. **2** Ary hoy ny filazan' i Abrahama an' i Saraha vadiny: Anabaviko izy; dia naniraka Abimeleka, mpanjakan' i Gerara, nampaka an' i Saraha. **3** Fa Andriamanitra nankeo amin' i Abimeleka, tamin' ny nofy nony alina, ka nanao taminy hoe: Indro, fa ho faty ianao noho ny vehivavy izay nalainao, fa vadin' olona izy. **4** Fa Abimeleka anefa tsy mbola nanakaiky azy, ka hoy izy: Tompo ô, hovonoinao koa va izay firenena marina? **5** Tsy ralehilahy va no nilaza tamiko hoe: Anabaviko izy? ary ravahivavy koa nanao hoe: Anadahiko izy; koa tamin' ny fahatsoran' ny foko sy ny fahadiovan' ny tanako no nanaovako izany. **6** Ary hoy Andriamanitra taminy tamin' ny nofy: Eny ary, fantatro ihany fa tamin' ny fahatsoran' ny fonao no nanaovanao izany; ary Izaho kosa dia niaro anao mba tsy hanota amiko; koa izany no tsy namelako anao hanendry azy. **7** Ary ankehitriny avereno ny vadindralehilahy, fa mpaminany izy ka hifona ho anao, dia ho velona ianao; fa raha tsy averinao izy, aoka ho fantatrao fa ho faty tokoa ianao, dia ianao mbamin' izay rehetra mety ho anao. **8** Dia nifoha maraina koa Abimeleka ka niantso ny mpanompony rehetra ary nanambara izany rehetra izany teo anatrehany; ka dia raiki-tahotra indrindra ny olona. **9** Ary Abimeleka dia nampaka an' i Abrahama ka nanao taminy hoe: Inona izao nataonao taminay izao? ary inona izao ratsy nataoko taminao izao no dia nahatonga heloka lehibe tamiko sy tamin' ny fanjakako ianao? zavatra izay tsy tokony hatao no nataonao tamiko. **10** Ary hoy koa Abimeleka tamin' i Abrahama: Inona no hitanao, no nanao izany zavatra izany ianao? **11** Dia hoy Abrahama: Satria hoy izaho: Tsy misy fahatahorana an' Andriamanitra tokoa amin' ity tany ity, ka hovonoin' ny olona aho noho ny amin' ny vadiko. **12** Nefa anabaviko ihany tokoa izy, satria zanakavavin' ny raiko, fa tsy mba zanakavavin' ny reniko; ka dia nanambady azy aho. **13** Ary raha nampifindrafindra ahy hiala tamin' ny tranon' ny raiko Andriamanitra, dia hoy izaho tamin' ny vadiko: Izao no soa hataonao amiko any amin' izay tany rehetra halehantsika dia lazao aho hoe: Anadahiko izy. **14** Ary Abimeleka naka ondry sy omby sy ankizilahy ary ankizivavy, ka nomeny an' i Abrahama ireny; ary Saraha vadiny dia naveriny teo aminy. **15** Ary hoy Abimeleka: Indro, eo anoloanao ny taniko; mitoera eo amin' izay tianao. **16** Ary hoy kosa izy tamin' i Saraha: Indro, efa nomeko sekely volafotsy arivo ny anadahinao; indro, ho fanampena-maso aminao izany, dia amin' izay rehetra momba anao: ka dia efa nahazo ny rariny ianao ny amin' izany rehetra izany. **17** Ary Abrahama dia nifona tamin' Andriamanitra; ary Andriamanitra nahasitrana an' i Abimeleka sy ny vadiny mbamin' ny mpanompovaviny; dia niteraka izy ireo. **18** Fa Jehovah efa nahamomba tokoa ny vehivavy rehetra tamin' ny ankohonan' i Abimeleka noho ny amin' i Saraha, vadin' i Abrahama.

21 Ary Jehovah namangy an' i Saraha araka ilay efa nolazainy, ary dia nataon' i Jehovah tamin' i Saraha araka ilay efa noteneniny. **2** Dia nanan' anaka Saraha ka niteraka zazalahy tamin' i Abrahama, rehefa antitra izy, tamin' ny fotoana izay efa nolazain' Andriamanitra taminy. **3** Ary ny anaran' ny zanany izay teraka, ilay naterak' i Saraha taminy dia nataon' i Abrahama hoe Isaka. **4** Dia noforan' i Abrahama Isaka zanany, rehefa teraka havaloana izy, araka izay efa nandidian' Andriamanitra azy. **5** Ary efa zato taona Abrahama, raha niteraka an' i Isaka zanany izy. **6** Ary hoy Saraha: Efa nampihomehezin' Andriamanitra aho; izay rehetra mandre dia hiara-mihomehy amiko. **7** Ary hoy koa izy: Nampoizin' iza akory moa no hilaza amin' i Abrahama fa hampinono zaza Saraha? kanjo efa niteraka zazalahy taminy aho, rehefa antitra izy. **8** Ary rehefa lehibe ny zaza, dia notazana; ary Abrahama nanao fanasana lehibe tamin' ny andro nanotazana an' Isaka. **9** Ary Saraha nahita fa nihomehy ny zanak' i Hagara Egyptiana, izay efa naterany tamin' i Abrahama. **10** Dia hoy izy tamin' i Abrahama: Roahy io andevovavy io sy ny zanany; fa ny zanak' io andevovavy io tsy hiray lova amin' ny zanako, dia amin' Isaka. **11** Fa ratsy teo imason' i Abrahama indrindra izany teny izany noho ny amin' ny zanany. **12** Ary hoy Andriamanitra tamin' i Abrahama: Aoka tsy ho ratsy eo imasonao ny amin' ny zaza sy ny andevovavinao; fa izay rehetra lazain' i Saraha aminao, dia ekeo ny teniny, fa avy amin' Isaka no hantsoina izay taranaka ho anao. **13** Nefa ny zanaky ny andevovavy kosa dia hataoko ho firenena, satria terakao ihany izy. **14** Dia nifoha maraina koa Abrahama ka naka mofo sy siny hoditra iray feno rano, ary nomeny an' i Hagara ka napetrany teo an-tsorony ary natolony azy koa ny zaza, dia nampandehaniny izy mianaka; ary lasa nandeha izy ka nirenireny tany an-efitr' i Beri-sheba. **15** Ary rehefa lany ny rano tao amin' ny siny hoditra, dia nariany teo ampototry ny hazo kely anankiray ny zaza. **16** Dia lasa izy ka nipetraka terỳ lavidavitra tandrifiny, tokony ho tra-tsipìka; fa hoy izy: Aza mba ho hitako anie izay hahafatesan' ny zaza. Ary nipetraka tandrifiny izy, dia nanandratra ny feony nitomany. **17** Ary ren' Andriamanitra ny feon' ny zaza, dia niantso an' i Hagara Ilay Anjelin' Andriamanitra tany andanitra ka nanao taminy hoe: Inona izato manjo anao, ry Hagara? Aza matahotra, fa efa ren' Andriamanitra ny feon' ny zaza eo amin' ny itoerany. **18** Mitsangana, areno ny zaza, ka tantano; fa hataoko firenena lehibe izy. **19** Dia nampahiratin' Andriamanitra ny mason' i Hagara, ka nahita lavaka fantsakana izy; ary lasa izy, dia nameno rano ny siny hoditra ka nampisotro rano ny zaza. **20** Ary nomban' Andriamanitra ny zaza, dia nitombo izy; ary nonina tany an-efitra izy ka nony efa lehibe dia tonga mpandefa tsipìka. **21** Ary nonina tany an-efitra Parana izy ka nakan' ny reniny vady avy tany amin' ny tany Egypta izy. **22** Ary tamin' izany andro izany Abimeleka sy Pikola, komandin' ny miaramilany, dia niteny tamin' i Abrahama ka nanao hoe: Omban' Andriamanitra ianao amin' izay rehetra ataonao; **23** koa ankehitriny ianiano amin' Andriamanitra aho fa tsy hamitaka ahy na ny zanako na ny taranako ianao; fa araka ny soa izay efa nataoko taminao no mba ataovy amiko sy amin' ny tany izay ivahinianao. **24** Ary hoy Abrahama: Hianiana ihany aho. **25** Ary Abrahama nananatra an' i Abimeleka noho ny lavaka fantsakana anankiray izay efa

nalain' ny mpanompon' i Abimeleka an-keriny **26** Dia hoy Abimeleka: Tsy fantatro izay nanao izany; fa ianao tsy mbola nanambara tamiko, ary izaho koa tsy mba nahare, raha tsy vao izao. **27** Ary Abrahama naka ondry aman' osy sy omby, ka nomeny an' i Abimeleka; dia nanao fanekena izy roa lahy. **28** Ary Abrahama nanokana ondrivavikely fito navahana tamin' ny ondry. **29** Ary hoy Abimeleka tamin' i Abrahama: Hatao inona ireo ondrivavy kely fito natokanao ireo? **30** Ary hoy izy: Mba horaisinao avy amin' ny tanako ireo ondrivavy kely fito ireo ho vavolombelona amiko fa izaho nihady io lavaka fantsakana io. **31** Izany no nanaovana io tany io hoe Beri-sheba; satria teo no nianianan' izy roa lahy. **32** Dia nanao fanekena tany Beri-sheba izy; ary dia niainga Abimeleka sy Pikola, komandin' ny miaramilany, ka niverina ho any amin' ny tanin' ny Filistina. **33** Dia namboly hazo tamariska tany Beri-sheba Abrahama ka tao no niantsoany ny anaran' i Jehovah, dia Andriamanitra Mandrakizay. **34** Ary Abrahama nivahiny elaela ihany tany amin' ny tanin' ny Filistina.

22 Ary rehefa afaka izany zavatra izany, dia nizahan' Andriamanitra toetra Abrahama, ka hoy Izy taminy: Ry Abrahama ô! ary hoy izy; Inty aho. **2** Ary hoy Izy: Ento ny zanakao, ny lahitokanao izay tianao, dia Isaka ka mankanesa any amin' ny tany Moria; ary atero any izy ho fanatitra dorana ao amin' ny tendrombohitra anankiray izay holazaiko aminao. **3** Ary nifoha maraina koa Abrahama dia nanisy lasely ny borikiny ka nitondra zatovony roa lahy koa niaraka taminy sy Isaka zanany ary namaky ny hazo hataina amin' ny fanatitra dorana izy dia niainga ka nankany amin' ny tany izay efa nolazain' Andriamanitra taminy, **4** Nony tamin' ny andro fahatelo Abrahama dia nanopy ny masony ka nahatazana ny tany terỳ lavitra erỳ. **5** Ary hoy Abrahama tamin' ny zatovony: Mijanòna eto amin' ny boriky ianareo, fa izaho sy ny zazalahy handeha hankerỳ; ary hivavaka izahay dia hiverina eto aminareo indray. **6** Dia nalain' i Abrahama ny hazo hataina amin' ny fanatitra dorana ka natataony an' Isaka zanany; fa izy kosa nitondra ny afo sy ny antsy teny an-tànany; ary dia niara-nandeha izy mianaka. **7** Ary Isaka niteny tamin' i Abrahama rainy ka nanao hoe: Ry ikaky ô! dia hoy izy: Inty aho, anaka. Ary hoy izy: Indreto ny afo sy ny kitay; fa aiza kosa izay ondry hatao fanatitra dorana? **8** Fa hoy Abrahama: Anaka. Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra dorana; dia niara-nandeha izy mianaka. **9** Ary rehefa tonga teo amin' ny tany izay efa nolazain' Andriamanitra taminy izy, dia nanorina ny alitara teo Abrahama ka nandahatra ny kitay; dia namatotra an' i Isaka zanany izy ka nametraka azy tambonin' ny alitara teo ambonin' ny kitay. **10** Ary Abrahama naninjitra ny tànany ka nandray ny antsy mba hamonoany ny zanany. **11** Fa niantso azy Ilay Anjelin' i Jehovah tany an-danitra ka nanao hoe: Ry Abrahama, ry Abrahama ô! ary hoy kosa izy: Inty aho. **12** Dia hoy Izy: Aza maninjitra ny tananao amin' ny zazalahy, ary aza maninona azy akory ianao; fa hitako izao fa matahotra an' Andriamanitra ianao, ka tsy narovanao tamiko ny zanakao, dia ny lahitokanao. **13** Ary Abrahama niherika nijery ka, indro, nisy ondrilahy teo ivohony, voasangazotry ny kirihitrala ny tandrony; dia lasa Abrahama ka naka ny ondrilahy ary nanatitra azy ho fanatitra dorana ho solon' ny zanany. **14** Ary ny anaran' izany tany izany dia nataon' i Abrahama hoe Jehovah-jire; dia izany no anaovana mandraka ankehitriny ny hoe: Any an-tendrombohitra no hisehoan' i Jehovah. **15** Dia niantso an' i Abrahama fanindroany tany an-danitra Ilay Anjelin' i Jehovah **16** ka nanao hoe: Ny tenako no nianianako, hoy Jehovah: Satria nanao izany zavatra izany ianao ka tsy niaro ny zanakao, ilay lahitokanao, **17** dia hitahy anao tokoa Aho ary hahamaro dia hahamaro ny taranakao, ho tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra sy ho tahaka ny fasika izay any amoron-dranomasina; ary ny taranakao hahazo ny vavahadin' ny fahavalony; **18** ary amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany, satria nanaiky ny teniko ianao. **19** Ary Abrahama dia niverina nankeny amin' ny zatovony; dia niainga izy ka niaraka nankany Beri-sheba; ary Abrahama dia nonina tany Beri-sheba. **20** Ary rehefa afaka izany, dia nisy nanambara tamin' i Abrahama hoe: Indro, efa niteraka zazalahy koa Milka tamin' i Nahora rahalahinao, **21** dia Oza lahimatoany sy Boza lahiaivo ary Kemoela, rain' i Arama, **22** ary Kaseda sy Hazo sy Pildasy sy Jidiafa ary Betoela. **23** Ary Betoela niteraka an-dRebeka. Ireo valo ireo no naterak' i Milka tamin' i Nahora, rahalahin' i Abrahama. **24** Ary ny vaditsindranony, izay atao hoe Reoma, izy koa dia niteraka an' i Teba sy Gahama sy Tahasy ary Meaka.

23 Ary ny andro niainan' i Saraha dia fito amby roapolo amby zato taona; izany no taona niainan' i Saraha. **2** Ary Saraha dia maty tao Kiriat-arba (Hebrona izany) tany amin' ny tany Kanana; dia tonga Abrahama hisaona an' i Saraha sy hitomany azy. **3** Ary Abrahama nitsangana niala avy teo anilan' ny fatin' ny vadiny, dia niteny tamin' ny taranak' i Heta ka nanao hoe: **4** Vahiny sy mpivahiny eto aminareo aho; omeo tany fandevenana eto aminareo aho mba handevenako ny fatin' ny vadiko tsy ho eto anatrehako. **5** Dia namaly an' i Abrahama ny taranak' i Heta ka nanao taminy hoe: **6** Mihainoa anay, tompokolahy: andrian-dehibe eto aminay ianao; koa izay tsara indrindra amin' ny fasanay no andeveno ny fatin' ny vadinao; tsy misy aminay hiaro ny fasany aminao tsy handevenanao ny fatin' ny vadinao. **7** Dia nitsangana Abrahama ka niankohoka teo anatrehan' ny taranak' i Heta tompon-tany, **8** dia niteny taminy ka nanao hoe: Raha sitrakareo ary ny handevenako ny fatin' ny vadiko mba tsy ho eto anatrehako, dia mihainoa ahy, ka mba iangavio kely amin' i Efrona, zanak' i Zohara, **9** mba homeny ahy ny zohy ao Makpela izay azy, dia ilay eo amin' ny sisin' ny sahany; amin' izay vola tokombidiny no aoka hanomezany azy ho ahy eto aminareo ho tany fandevenana. **10** Ary Efrona nipetraka teo amin' ny taranak' i Heta; dia namaly an' i Abrahama Efrona Hetita teo anatrehan' ny taranak' i Heta, dia izay rehetra niditra teo am-bavahadin' ny tanànany, ka nanao hoe: **11** Tsia, tompokolahy, fa mihainoa ahy: ny saha dia omeko anao, ary ny zohy izay eo anatiny koa dia omeko anao; eto imason' ny zanaky ny fireneko no anomezako azy ho anao; aleveno

ny fatin' ny vadinao. **12** Ary niankohoka teo anatrehan' ny olona tompon-tany Abrahama, **13** dia niteny tamin' i Efrona teo anatrehan' ny olona tompon-tany ka nanao hoe: Kanefa raha mba hihaino ahy ihany ianao, dia homeko ny vidin' ny saha; raiso amiko izany, dia haleviko ao ny fatin' ny vadiko. **14** Ary Efrona dia namaly an' i Abrahama ka nanao taminy hoe: **15** Tompokolahy, mihainoa ahy: tany tokony ho lafo sekely volafotsy efa-jato, inona moa izany amintsika roa lahy? fa aleveno ny fatin' ny vadinao. **16** Dia neken' i Abrahama ny tenin' i Efrona, ka nolanjainy ho azy ny vola izay efa voalazany teo anatrehan' ny taranak' i Heta, dia sekely volafotsy efa-jato lanin' ny mpivarotra. **17** Ary ny sahan' i Efrona, ilay teo Makpela, izay tandrifin' i Mamre, dia ny saha sy ny zohy izay teo anatiny mbamin' ny hazo rehetra izay teo anatiny, izay teo amin' ny sisiny rehetra manodidina, dia natao varo-maty **18** tamini' i Abrahama ho fananana, teo imason' ny taranak' i Heta, dia izay rehetra niditra teo am-bavahadin' ny tanànany. **19** Ary rehefa afaka izany, Abrahama dia nandevina an' i Saraha vadiny tao amin' ny zohy tao amin' ny saha Makpela tandrifin' i Mamre (Hebrona izany), ao amin' ny tany Kanana; **20** ka ny saha mbamin' ny zohy izay ao anatiny dia nataon' ny taranak' i Heta varo-maty tamin' i Abrahama ho tany fandevenana.

24 Ary Abrahama dia efa zokiolona sady nandroso fahanterana; ary Jehovah efa nitahy an' i Abrahama tamin' ny zavatra rehetra. **2** Ary hoy Abrahama tamin' ilay lehiben' ny mpanompony tao an-tranony, izay mpanapaka ny nananany rehetra: Mba ataovy ato ambanin' ny feko ny tananao; **3** fa hampianianiko amin' i Jehovah, Andriamanitry ny lanitra sy ny tany, ianao, fa tsy haka vady ho an' ny zanako avy amin' ny zanakavavin' ny Kananita izay iraisako monina ianao; **4** fa any amin' ny tanin-drazako sy amin' ny havako no halehanao haka vady ho an' Isaka zanako. **5** Ary hoy ilay mpanompony taminy: Angamba tsy hety hiaraka amiko ho amin' ity tany ity ny vehivavy; moa tsy maintsy hitondra ny zanakao hiverina ho any amin' ny tany izay nialanao va aho? **6** Ary hoy Abrahama taminy: Tandremo mba tsy ho entinao miverina any ny zanako. **7** Jehovah, Andriamanitry ny lanitra, Izay naka ahy niala tamin' ny tranon' ny raiko sy tamin' ny tany nahaterahako, sady niteny tamiko sy nianiana tamiko hoe: Ny taranakao no homeko ity tany ity, dia Izy no haniraka Ilay Anjeliny eo alohanao, ka any no hakanao vady ho an' ny zanako. **8** Ary raha tsy hety hiaraka aminao ny vehivavy, dia ho afaka amin' izao fampianianako anao izao ianao; fa izao ihany: aza entinao miverina any mihitsy ny zanako **9** Ary nataon' ilay mpanompo tambanin' ny fen' i Abrahama tompony ny tanany, ka nianiana taminy ny amin' izany zavatra izany izy. **10** Ary ilay mpanompo naka rameva folo tamin' ny ramevan' ny tompony ka lasa, ary izay zavatsoa nananan' ny tompony dia samy nitondrany avokoa; dia nandeha izy ka nankany Mesopotamia ho any an-tanànan' i Nahora. **11** Ary nampandohalehiny teo ivelan' ny tanàna tanilan' ny lavaka fantsakan-drano ny rameva, rehefa harivariva ny andro, dia tamin' ilay fandehanan' ny vehivavy mpantsaka iny **12** Dia hoy izy: Jehovah ô, Andriamanitr' i Abrahama tompoko, ambino aho anio, ary asio soa Abrahama tompoko. **13** Indro, mijanona eto anilan' ny fantsakana aho; ary ny zanakavavin' ny mponina ao an-tanàna mivoaka hantsaka rano; **14** koa izay zazavavy hilazako hoe: Mba areno kely ny sininao hisotroako, ka hamaly hoe izy: Misotroa, sady hampisotro ny ramevanao koa aho: dia izy ihany no aoka ho voatendrinao ho an' Isaka mpanomponao; ary izany no hahafantarako fa nasianao soa ny tompoko. **15** Ary raha tsy mbola nitsaha-niteny izy, dia, indro, tamy Rebeka, izay naterak' i Betoela, zanakalahin' i Milka, vadin' i Nahpra, rahalahin' i Abrahama, nilanja ny sininy teny an-tsorony. **16** Ary ilay zazavavy dia tsara tarehy indrindra sady virijina, ka tsy mbola nisy lehilahy nahalala azy; ary nidina nankeo amin' ny fantsakana izy ka nameno ny sininy, dia niakatra. **17** Ary ilay mpanompo dia nihazakazaka nitsena azy ka nanao taminy hoe: Mba ampisotroy rano kely avy amin' ny sininao aho. **18** Ary hoy razazavavy: Misotroa, tompokolahy; dia nampidininy faingana ny sininy ho eo an-tànany, ka nampisotroiny ralehilahy. **19** Ary rehefa nampisotro azy izy, dia hoy koa izy: Ny ramevanao koa andeha hantsakako hosotroiny ambarapahatapiny misotro. **20** Ary dia naidiny faingana ny rano teo an-tsininy ho eo amin' ny tavy fisotroana, dia nihazakazaka indray izy nankeo amin' ny lavaka fantsakana hantsaka; ary nantsaka ho an' ny ramevany rehetra izy. **21** Ary ralehilahy nandinika azy tsara sady nangina, mba hahafantarany na efa nambinin' i Jehovah ny nalehany, na tsia. **22** Ary rehefa tapi-nisotro avokoa ny rameva, dia nalain-dralehilahy ny kavin' orona volamena iray, lanjan' ny sasaky ny sekely, sy haba volamena roa, lanjan' ny sekely folo, hatao amin' ny tànany; **23** ary hoy izy: Zana-jovy moa ianao? Mba lazao amiko. Ary moa misy azonay handriana va ao an-tranon' ny rainao? **24** Ary hoy izy taminy: Zanakavavin' i Betoela, zanakalahin' i Milka, izay naterany tamin' i Nahora, aho. **25** Ary hoy koa izy taminy: Na ny mololo na ny vilona, dia samy betsaka ao aminay, sady misy trano handrianareo koa. **26** Dia niondrika ralehilahy ka niankohoka teo anatrehan' i Jehovah, **27** ary nanao hoe: Isaorana anie Jehovah, Andriamanitr' i Abrahama tompoko, Izay tsy nanaisotra ny famindram-pony sy ny fahamarinany tamin' ny tompoko; fa izaho dia notantanan' i Jehovah teny an-dalana ho atỳ an-tranon' ny havan' ny tompoko. **28** Dia lasa nihazakazaka razazavavy ka nanambara araka izany teny izany tamin' ny tao an-tranon' ny reniny. **29** Ary Rebeka nanana anadahy, Labana no anarany; dia nihazakazaka Labana nankeo amin-dralehilahy teo ivelany, teo am-pantsakana. **30** Ary rehefa hitany ny kavin' orona sy ny haba teny an-tànan' ny anabaviny, sady efa reny ny tenin-dRebeka anabaviny nanao hoe: Izany no nolazain-dralehilahy tamiko, dia nankeo amin-dralehilahy izy; ary, indro, mbola nijanona teo anilan' ny rameva teo am-pantsakana ralehilahy. **31** Ary hoy Labana: Miakara, ry ilay notahin' i Jehovah; nahoana no mijanona eto ivelany ianao? fa izaho efa namboatra ny trano sy izay hitoeran' ny rameva. **32** Dia niditra tao antrano ralehilahy; ary Labana dia namaha ny entana tamin' ny rameva ka nanome mololo sy vilona ho an' ny rameva ary rano hanasana ny tongo-dralehilahy sy ny tongotry

ny olona izay nomba azy. **33** Dia nandroso hanina teo anoloany izy; fa hoy ralehilahy: Tsy mbola hihinana aho, raha tsy efa voalazako ny raharahako. Ary hoy izy: Lazao ary! **34** Dia hoy ralehilahy: Mpanompon' i Abrahama aho. **35** Ary Jehovah efa nitahy ny tompoko indrindra, ka efa be ny fananany; ary Jehovah efa nanome azy ondry aman' osy sy omby, ary volafotsy sy volamena, ary andevolahy sy andevovavy, ary rameva sy boriky. **36** Ary rehefa antitra Saraha, vadin' ny tompoko, dia niteraka zazalahy tamin' ny tompoko izy; ary efa natolotry ny tompoko ho an' ny zanany izay rehetra ananany. **37** Ary efa nampianiana ahy ny tompoko ka nanao hoe: Aza makà vady ho an' ny zanako avy amin' ny zanakavavin' ny Kananita, izay iraisako monina; **38** fa any amin' ny tranon' ikaky sy any amin' ny havako no halehanao ka hakanao vady any ho an' ny zanako. **39** Ary izaho namaly ny tompoko hoe: Angamba tsy hety hiaraka amiko ny vehivavy. **40** Ary hoy izy tamiko: Jehovah, Izay andehanako eo anatrehany, dia haniraka Ilay Anjeliny homba anao sy hanambina ny alehanao, ary ianao haka vady ho an' ny zanako avy amin' ny havako sy amin' ny tranon' ikaky. **41** Dia ho afaka amin' ny fampianianako anao ianao, raha tonga any amin' ny havako; ary raha tsy manome anao ry zareo, dia ho afaka amin' ny fampianianako anao koa ianao. **42** Ary tonga androany teo amin' ny fantsakana aho, ka hoy izaho: Jehovah ô, Andriamanitr' i Abrahama tompoko, raha hanambina ny alehako Hianao, **43** indro, mijanona eto anilan' ny fantsakana aho, koa izay zazavavy hivoaka hantsaka ka hilazako hoe: Mba ampisotroy rano kely avy amin' ny sininao aho, **44** ka hamaly hoe izy: Misotroa, ary hantsakako koa ny ramevanao: dia izy no aoka ho izay vehivavy voatendrin' i Jehovah ho an' ny zanakalahin' ny tompoko. **45** Ary raha tsy mbola nitsahatra niteny anakampo aho, dia, indro, tamy Rebeka nilanja ny sininy teny an-tsorony, dia nidina nankeo amin' ny fantsakana izy ka nantsaka; ary hoy izaho taminy: Mba ampisotroy rano kely aho. **46** Dia nampidininy faingana ny sininy hiala teo an-tsorony, ka hoy izy: Misotroa, ary hampisotroiko koa ny ramevanao; dia nisotro aho, ary nampisotro ny rameva koa izy. **47** Dia nanontany azy aho ka nanao hoe: Zana-jovy moa ianao? Ary hoy izy: Zanak' i Betoela, zanakalahin' i Nahora, aho, izay naterak' i Milka taminy. Dia nataoko teo anorony ny kavin' orona, ary ny haba teny amin' ny tànany. **48** Dia niondrika aho ka niankohoka teo anatrehan' i Jehovah, dia nisaotra an' i Jehovah, Andriamanitr' i Abrahama tompoko, Izay efa nitondra ahy tamin' ny lalana marina haka ny zanakavavin' ny rahalahin' ny tompoko, ho an' ny zanany **49** Koa ankehitriny, raha hanao izay soa sy marina amin' ny tompoko ianareo, dia lazao amiko; fa raha tsy izany kosa, dia lazao amiko, mba hiviliako na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia. **50** Dia namaly Labana sy Betoela ka nanao hoe: Avy tamin' i Jehovah no nisehoan' izany zavatra izany, ka tsy mahazo milaza teny aminao izahay, na ratsy na soa. **51** Indro, Rebeka eto anatrehanao, ento izy, ka mandehana; ary aoka ho vadin' ny zanaky ny tomponao izy, araka izay nolazain' i Jehovah. **52** Ary rehefa nandre ny tenin-dry zareo ilay mpanompon' i Abrahama, dia niankohoka tamin' ny tany teo anatrehan' i Jehovah izy. **53** Ary ilay mpanompo dia namoaka firavaka volafotsy sy firavaka volamena ary fitafiana, ka nomeny an-dRebeka; ary nomeny zava-tsoa koa ny anadahiny sy ny reniny. **54** Dia vao izay no nihinana sy nisotro izy mbamin' ireo lehilahy izay nomba azy, dia nandry. Ary nifoha maraina izy ka nanao hoe: Alefaso ary aho handeha ho any amin' ny tompoko. **55** Ary hoy ny anadahin-dRebeka sy ny reniny: Aoka hitoetra atỳ aminay andro vitsivitsy ny zazavavy, na dia hafoloana ihany aza; fa rehefa afaka izany, dia handeha izy. **56** Fa hoy ralehilahy taminy: Aza samponanareo aho, fa Jehovah efa nanambina ny alehako; alefaso aho mba hankany amin' ny tompoko. **57** Ary hoy izy ireo: Aoka ary hantsoinay ny zazavavy, ka hanontanianay izay teniny. **58** Dia niantso an-dRebeka izy ka nanao taminy hoe: Handeha hiaraka amin' io lehilahy io va ianao? Ary hoy izy: Handeha aho. **59** Dia namoaka an-dRebeka anabaviny sy ny mpitaiza azy ary ilay mpanompon' i Abrahama mbamin' ny olony izy. **60** Dia nitso-drano an-dRebeka izy ka nanao taminy hoe: Ry anabavinay, tongava alinalina anie ianao, ary aoka ny taranakao hahazo ny vavahadin' izay mankahala azy. **61** Ary niainga Rebeka mbamin' ny ankizivaviny ka nitaingina ny rameva, dia nandeha niaraka tamin-dralehilahy; ary nitondra an-dRebeka ilay mpanompo ka lasa nandeha. **62** Ary Isaka efa tonga avy tamin' ny nalehany tany Bera-lahai-roy; fa nonina tany amin' ny tany atsimo izy. **63** Ary Isaka nivoaka mba hieritreritra any an-tsaha, rehefa nitehin-ko hariva ny andro; dia nanopy ny masony izy ka nahita fa indrery nisy rameva avy manatona. **64** Ary Rebeka koa nanopy ny masony ka nahatazana an' Isaka; dia nidina faingana niala tamin' ny rameva izy. **65** Ary hoy izy tamin' ilay mpanompo: Iza moa iry lehilahy mitsangantsangana eny an-tsaha avy mitsena antsika iry? Ary hoy ilay mpanompo: Iny no tompoko, dia nandray ny fisalobonana Rebeka, ka nisalobonany. **66** Ary dia nambaran' ilay mpanompo tamin' Isaka ny zavatra rehetra izay efa nataony. **67** Ary Isaka dia nampandroso an-dRebeka ho ao an-dain' i Saraha reniny ka nampakatra azy ho vadiny; ary tia azy izy, dia nionona ny alahelony an-dreniny.

25 Ary Abrahama nampaka-bady indray, Ketora no anarany. **2** Dia niteraka an' i Zimrana sy Joksana sy Medana sy Midiana sy Jisbaka ary Soaha tamin' i Abrahama izy. **3** Ary Joksana niteraka an' i Sheba sy Dedana. Ary ny zanakalahin' i Dedana dia Asorima sy Letosima ary Leomima. **4** Ary ny zanakalahin' i Midiana dia Efaha sy Efera sy Hanoka sy Abida ary Eldaha. Ireo rehetra ireo no zanak' i Ketora. **5** Dia natolotr' i Abrahama an' Isaka izay rehetra ananany. **6** Fa ny zanak' ireo vaditsindranony hafa, izay nananan' i Abrahama, dia samy notolorany avy ka nampandehaniny, dieny mbola velona izy, hiala amin' Isaka zanany hiantsinanana ho any amin' ny tany atsinanana. **7** Ary ny andro niainan' i Abrahama dia dimy amby fito-polo amby zato taona. **8** Dia niala aina Abrahama ka maty, rehefa fotsy volo tsara sady lahy antitra ela niainana; dia voangona any amin' ny razany izy. **9** Ary nalevin' Isaka sy Isimaela zanany izy tao amin' ny

zohy ao Makpela, tao amin' ny sahan' i Efrona, zanak' i Zohara Hetita, izay tandrifin' i Mamre, **10** dia ilay saha izay novinidin' i Abrahama tamin' ny taranak' i Heta; tao no nandevenana an' i Abrahama sy Saraha vadiny. **11** Ary rehefa maty Abrahama, dia notahin' Andriamanitra Isaka zanany; ary Isaka dia nonina teo akaikin' i Bera-lahai-roy. **12** Ary izao no taranak' Isimaela, zanakalahin' i Abrahama izay naterak' i Hagara, ilay Egyptiana, andevovavin' i Saraha, tamin' i Abrahama: **13** Izao no anaran' ny zanakalahin' Isimaela, araka ny anarany sy araka ny taranany: Nebaiota, lahimatoan' Isimaela, sy Kedara sy Adbela sy Mibsama **14** sy Misma sy Doma sy Masa **15** sy Hadada sy Tema sy Jetora sy Nafisy ary Kedema. **16** Izy ireo no zanakalahin' Isimaela, ary ireo no anarany, araka ny vohiny sy ny tobiny, dia andriana roa ambin' ny folo araka ny fireneny. **17** Ary ny andro niainan' Isimaela dia fito amby telo-polo amby zato taona; ary niala aina izy ka maty, dia voangona any amin' ny razany. **18** Ary ny taranany nonina hatrany Havila ka hatrany Sora, izay tandrifin' i Egypta amin' ny lalana mankany Asyria; nifanandrify tamin' ny rahalahiny rehetra no nitoerany. **19** Ary izao no taranak' Isaka, zanakalahin' i Abrahama: **20** Abrahama niteraka an' Isaka; ary efa-polo taona Isaka, raha nampakatra an-dRebeka, zanakavavin' i Betoela Syriana, avy tany Mesopotamia, sady anabavin' i Labana Syriana. **21** Ary Isaka nangataka tamin' i Jehovah ho an' ny vadiny, satria momba izy; ary nohenoin' i Jehovah ny fangatahany, dia nanan' anaka Rebeka vadiny. **22** Ary nifanosika ny zaza kambana tao an-kibony; ary hoy Rebeka: Raha izao, nahoana re aho no dia mbola velona? Dia lasa nanontany tamin' i Jehovah izy. **23** Ary hoy Jehovah taminy: Firenena roa no ao an-kibonao; ary vahoaka roa toko no hisaraka hatrao am-bohokanao; ary ny vahoaka iray toko hahery noho ny iray toko. Ka ny zokiny hanompo ny zandriny. **24** Ary rehefa tonga ny andro hahaterahany, indreo, nisy zaza kambana tao an-kibony. **25** Dia teraka ny voalohany ka mena, ary tahaka ny kapôty volom-biby ny tenany rehetra; dia nataony hoe Esao ny anarany. **26** Ary rehefa afaka izany, dia teraka koa ny rahalahiny, ary ny tànany nihazona ny ombelahin-tongotr' i Esao, dia nataony hoe Jakoba ny anarany; ary efa enim-polo taona Isaka tamin' ny niterahana azy mirahalahy. **27** Dia nitombo ireo zaza ireo; ary Esao lehilahy nahay nihaza, dia mpianefitra, fa Jakoba kosa lehilahy tsara fanahy sady mpitoetra anday. **28** Ary Isaka tia an' i Esao, satria nankafy ny hazany; fa Rebeka kosa tia an' i Jakoba. **29** Ary nahandro hanina Jakoba; ary sendra avy tany an-tsaha Esao ka reraka. **30** Dia hoy Esao tamin' i Jakoba: Mba anomezo ahy hohaniko ny mena, dia io mena io, fa reraka aho (izany no nanaovana ny anarany hoe Edoma). **31** Fa hoy Jakoba: Amidio amiko ary aloha ny fizokianao. **32** Dia hoy kosa Esao: Indro, ho faty ihany aho; ka mahasoa inona izay fizokiana? **33** Ary hoy Jakoba: Mianiana ary amiko aloha. Dia nianiana taminy izy; ka dia namidiny tamin' i Jakoba ny fizokiany. **34** Ary Jakoba nanome an' i Esao mofo sy voanemba masaka; dia nihinana sy nisotro izy, ary niainga ka lasa nandeha. Izany no nanamavoan' i Esao ny fizokiany.

26 Ary nisy mosary indray teo amin' ny tany afa-tsy ilay mosary voalohany fony fahavelon' i Abrahama. Ary Isaka nankany amin' i Abimeleka mpanjakan' ny Filistina, tany Gerara. **2** Ary Jehovah niseho taminy ka nanao hoe: Aza midìna any Egypta ianao; mitoera eo amin' ny tany izay holazaiko aminao. **3** Mivahinia eto amin' ity tany ity ianao, dia homba anao sy hitahy anao Aho; fa ianao sy ny taranakao no homeko ireto tany rehetra ireto, ka hotoviko ny fianianana izay nataoko tamin' i Abrahama rainao; **4** dia hahamaro ny taranakao ho tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra Aho, ka homeko ny taranakao ireto tany rehetra ireto, ary amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany; **5** satria efa nihaino ny feoko Abrahama ka nitandrina izay nasaiko notandremany, dia ny didiko sy ny teniko ary ny lalàko. **6** Ary Isaka dia nitoetra tany Gerara. **7** Ary ny lehilahy tompon-tany nanontany ny amin' ny vadiny; ary hoy kosa izy: Anabaviko izy; fa natahotra hilaza hoe: Vadiko izy, fandrao, hoy izy, hamono ahy ny lehilahy tompon-tany noho Rebeka, satria tsara tarehy izy. **8** Ary rehefa nitoetra ela teo izy, dia nitsirika teo am-baravarankely Abimeleka, mpanjakan' ny Filistina, ka nahita fa, indro, Isaka nisangy tamin-dRebeka vadiny. **9** Ary Abimeleka dia niantso an' Isaka ka nanao hoe: Efa hita mihitsy fa vadinao izy, ka nahoana no nolazainao hoe: Anabaviko izy? Ary hoy Isaka taminy: Satria hoy izaho anakampo: Fandrao maty aho noho ny aminy. **10** Ary hoy Abimeleka: Inona izao nataonao taminay izao? Saiky nisy nandry tamin' ny vadinao ny olona, dia ho nahatonga heloka taminay ianao. **11** Dia nandidy ny vahoakany rehetra Abimeleka ka nanao hoe: Izay manendry io lehilahy io na ny vadiny dia hatao maty tokoa. **12** Dia namafy tamin' izany tany izany Isaka ka nahazo zato heny tamin' izay taona izay, satria efa notahin' i Jehovah izy. **13** Ary nanan-karena ralehilahy ka nandroso sy nitombo ambara-pahatongany ho mpanjatobe indrindra; **14** fa nanana fananana be izy, dia ondry aman' osy sy omby ary andevo maro; ka dia nialona azy ny Filistina. **15** Ary ny lavaka fantsakana rehetra, izay efa nohadin' ny mpanompon-drainy fony fahavelon' i Abrahama rainy, dia efa novonoin' ny Filistina sy nototofany tany avokoa. **16** Ary hoy Abimeleka tamin' Isaka: Miala atỳ aminay; fa ianao mahery lavitra noho izahay. **17** Ary lasa niala teo Isaka, dia nanorina ny lainy teo an-dohasahan' i Gerara ka nonina teo. **18** Dia noloaran' Isaka indray ny lavaka fantsakana izay voahady fony fahavelon' i Abrahama rainy, fa efa novonoin' ny Filistina ireny, rehefa maty Abrahama; ary dia nasiany anarana ireny araka ny anarana izay efa nanaovan-drainy azy ihany. **19** Dia nihady teo amin' ny lohasaha ny mpanompon' Isaka ka nahita loharano velona teo. **20** Ary niady tamin' ny mpiandry ombin' Isaka ny mpiandry omby tao Gerara ka nanao hoe: Anay ny rano; ary ny anaran' ny lavaka fantsakana dia nataon' Isaka hoe Eseka, satria nifanditra taminy izy ireo. **21** Dia nihady lavaka fantsakana hafa koa izy, ka niadiany indray io; ary ny anarany dia nataony hoe Sitna. **22** Dia nifindra niala teo izy ka nihady lavaka fantsakana hafa koa indray; fa io kosa tsy mba niadiany; koa ny anarany dia nataony hoe Rehobota; fa hoy izy: Efa nomen' i Jehovah

toerana malalaka isika ankehitriny, dia hihamaro eo amin' ny tany. **23** Dia niakatra niala teo izy ka nankany Berisheba. **24** Ary Jehovah niseho taminy tamin' iny alina iny ka nanao hoe: Izaho no Andriamanitr' i Abrahama rainao; aza matahotra, fa momba anao Aho ka hitahy anao sy hahamaro ny taranakao noho ny amin' i Abrahama mpanompoko. **25** Ary nanorina alitara teo izy, dia niantso ny anaran' i Jehovah sady nanorina ny lainy teo koa; ary nihady lavaka fantsakana teo ny mpanompon' Isaka. **26** Ary Abimeleka mbamin' i Ahozata sakaizany sy Pikola, komandin' ny miaramilany, dia niala tao Gerara hankany amin' Isaka. **27** Fa hoy Isaka taminy: Nahoana ianareo no mankaty amiko, kanefa nankahala ahy ianareo ka nandroaka ahy niala teo aminareo? **28** Ary hoy izy ireo: Efa hitanay marimarina fa momba anao Jehovah, ka dia hoy izahay: Aoka samy hanao fianianana isika, dia izahay sy ianao, ary aoka izahay hanao fanekena aminao, **29** fa tsy hanisy ratsy anay ianao, tahaka ny tsy nanendrenay anao akory, sy tahaka ny tsy nanaovanay na inona na inona taminao afa-tsy ny soa ihany, fa efa nampandehaninay soa aman-tsara ianao. Fa ianao ankehitriny efa notahin' i Jehovah. **30** Dia nanao fanasana ho azy Isaka, ka dia nihinana sy nisotro izy. **31** Dia nifoha maraina koa izy, ka samy nanao fianianana; dia nampandehanin' Isaka ireo, ka dia lasa nody soa aman-tsara izy. **32** Ary tamin' izany andro izany dia avy ny mpanompon' Isaka ka nanambara taminy ny amin' ny lavaka fantsakana izay efa nohadiny ka nanao taminy hoe: Efa nahita rano izahay. **33** Dia nanao ny anarany hoe Sheba izy; izany no nanaovana ny anaran' ny tanàna hoe Beri-sheba mandraka androany. **34** Ary rehefa efa-polo taona Esao, dia nampakatra an' i Jodita, zanakavavin' i Bery Hetita, sy Basemata, zanakavavin' i Elona Hetita, izy. **35** Dia nangidy tamin' ny fanahin' Isaka sy Rebeka indrindra ireny.

27 Ary rehefa antitra Isaka, ary pahina ny masony ka tsy nahita, dia niantso an' i Esao lahimatoany izy ka nanao taminy hoe: Anaka; ary hoy izy taminy kosa: Inty aho. **2** Ary hoy izy: Indro fa efa antitra aho, ka tsy fantatro izay andro hahafatesako; **3** koa ankehitriny, masìna ianao, alao ny fitifiranao dia ny tranon-jana-tsipìkanao sy ny tsipìkanao, ary mankanesa any an-tsaha, ka ihazao aho; **4** ary anaovy hanim-py aho araka ilay tiako, ka ento atỳ amiko hohaniko, mba hitsofan' ny fanahiko rano anao, dieny tsy mbola maty aho. **5** Ary Rebeka nandre an' Isaka niteny tamin' i Esao zananilahy. Ary dia lasa nankany an-tsaha Esao nitady haza ho entiny. **6** Ary Rebeka niteny tamin' i Jakoba zananilahy ka nanao hoe: Indro, efa reko ny rainao niteny tamin' i Esao rahalahinao nanao hoe: **7** Ihazao aho, ka anaovy hanim-py hohaniko; dia hitso-drano anao aho eo anatrehan' i Jehovah, dieny tsy mbola maty aho. **8** Koa ankehitriny, anaka, araho ny teniko amin' izay asaiko ataonao. **9** Mankanesa kely any amin' ny ondry aman' osy, ka analao zanak' osy roa tsara aho; dia hataoko hanim-py ho an' ny rainao araka ilay tiany izany; **10** ary dia ho entinao any amin' ny rainao hohaniny, mba hitsofany rano anao, dieny tsy mbola maty izy. **11** Fa hoy Jakoba tamin-dRebeka reniny: Indro, Esao rahalahiko dia lehilahy voloina, fa izaho lehilahy malambo hoditra kosa; **12** ary angamba hitsapa ahy ikaky, dia ho toy ny mpanandoka eo imasony aho ka hahatonga ozona amiko, fa tsy tso-drano. **13** Ary hoy ny reniny taminy: Aoka ho ahy ihany anaka, ny ozona ho anao; araho ihany ny teniko, ka mandehana, itondray aho. **14** Dia nandeha izy ka naka, ary nitondra tao amin' ny reniny; ary ny reniny kosa dia nanao hanim-py araka ilay tian' ny rainy. **15** Ary nalain-dRebeka ny fitafian' i Esao lahimatoany, dia ny tsara izay efa notehiriziny tao an-trano, ka nampitafiny an' i Jakoba zanany faralahy. **16** Ary ny hoditry ny zanak' osy dia nafonony ny tànany sy ny malambolambo amin' ny vozony; **17** dia natolony teo an-tànan' i Jakoba zanany ny hanim-py sy ny mofo izay efa namboariny. **18** Ary Jakoba nankany amin' ny rainy ka nanao hoe: Ry ikaky ô! ary hoy kosa izy: Inty aho; iza moa ianao, anaka? **19** Ary hoy Jakoba tamin-drainy: Izaho no Esao zanakao lahimatoa; efa nanao araka izay nasainao nataoko aho; masìna ianao, miarena, dia mipetraha, ka hano ny hazako, mba hitsofan' ny fanahinao rano ahy. **20** Ary hoy Isaka tamin' ny zanany: Nanao ahoana, anaka, no dia nalaky nahazo toy izany ianao? Ary hoy izy: Satria Jehovah Andriamanitrao no nampahazo ahy. **21** Ary hoy Isaka tamin' i Jakoba; Mba manatòna kely hoe hitsapako anao, anaka, hahafantarako na Esao zanako tokoa ianao, na tsia. **22** Ary Jakoba nanatona an' Isaka rainy, ary izy dia nitsapa azy ka nanao hoe: Ny feo dia feon' i Jakoba, fa ny tanana dia tànan' i Esao. **23** Ary tsy nahafantatra azy izy, satria voloina tahaka ny tanan' i Esao rahalahiny ny tànany; dia notsofiny rano izy. **24** Ary hoy izy: Hianao tokoa moa no Esao zanako? Dia hoy izy: Izaho no izy. **25** Ary hoy kosa Isaka: Arosoy eto anoloako ary izato hazan' ny zanako hihinanako, mba hitsofan' ny fanahiko rano anao. Ary dia narosony teo anoloany, ka dia nihinana izy; ary nitondrany divay izy, dia nisotro. **26** Ary hoy Isaka rainy taminy: Mba manatòna kely ka manoroha ahy, anaka. **27** Dia nanatona izy ka nanoroka azy; ary Isaka nandre ny fofon' ny fitafiany, dia nitso-drano azy ka nanao hoe: E! ny fofon' ny zanako. Dia tahaka ny fofon' ny saha izay notahin' i Jehovah. **28** Ary hanomezan' Andriamanitra anao anie ny andon' ny lanitra sy ny tsiron' ny tany, ary vary sy ranom-boaloboka betsaka. **29** Hanompo anao anie ny firenena maro, Ary hiankohoka eo anatrehanao ny firenena samy hafa. Ho tompon' ny rahalahinao anie ianao, ary aoka hiankohoka eo anatrehanao ny zanaky ny reninao. Ho voaozona anie izay rehetra manozona anao, ary hohasoavina anie izay manisy soa anao. **30** Ary rehefa vita ny nitsofan' Isaka rano an' i Jakoba, ary vao nidify Jakoba teo anatrehan' Isaka rainy, dia niditra kosa Esao rahalahiny avy nihaza. **31** Ary izy koa nanao hanim-py ka nitondra azy tao amin' ny rainy; ary hoy izy tamin' ny rainy: Aoka hiarina ny raiko ka hihinana amin' ny hazan' ny zanany, mba hitsofan' ny fanahinao rano ahy. **32** Fa hoy Isaka rainy taminy: Iza indray moa ianao? Ary hoy izy: Izaho no Esao zanakao lahimatoa. **33** Ary toran-kovitra indrindra Isaka ka nanao hoe: Iza ary ilay naka haza ka nitondra teto amiko, ary efa nihinanako izany rehetra izany, fony tsy mbola tonga ianao, ka efa notsofiko rano izy; eny,

hotahina tokoa izy. **34** Raha vao ren' i Esao ny tenin' ny rainy, dia nitaraina mafy dia mafy izy ka nanao taminy hoe: Mba tsofy rano re aho, dia izaho koa, ry ikaky ô. **35** Ary hoy rainy: Tonga ny rahalahinao nanandoka ka nahalasa ny tso-dranonao. **36** Dia hoy Esao: Moa tsy mandia va ny anarany hoe Jakoba? fa efa namingana ahy indroa izy izao: ny fizokiako efa nalainy; ary, indro, ankehitriny lasany koa ny tso-dranoko. Ary hoy kosa izy: Tsy mba nitahiry tso-drano ho ahy va ianao? **37** Dia namaly Isaka ka nanao tamin' i Esao hoe: Indro, efa nataoko ho tomponao izy, ary ny rahalahiny rehetra nomeko ho mpanompony; ary vary sy ranom-boaloboka no namelomako azy; koa inona indray no hataoko aminao, anaka? **38** Ary hoy Esao tamin' ny rainy: Tso-drano iray ihany va no anao, ry ikaky? mba tsofy rano re aho, dia izaho koa, ry ikaky ô. Ary Esao dia nanandratra ny feony ka nitomany. **39** Dia namaly Isaka rainy ka nanao taminy hoe: Indro, tsy ho amin' ny tsiron' ny tany ny fonenanao, ary tsy ho amin' ny andon' ny lanitra avy any ambony; **40** Fa ny sabatrao no hivelomanao, ary ny rahalahinao no hotompoinao; kanefa, raha mby amin' izay andro hahafahanao. Dia hotapahinao ny ziogany ho afaka amin' ny vozonao. **41** Ary Esao nanao fo-lentika tamin' i Jakoba noho ny tso-drano izay nataon-drainy taminy; dia hoy Esao anakampo: Efa antomotra ny andro hisaonana an' ikaky, dia hamono an' i Jakoba rahalahiko aho. **42** Ary nisy namambara tamin-dRebeka izany tenin' i Esao zanany lahimatoa izany; dia naniraka nampaka an' i Jakoba zanany faralahy izy ka nanao taminy hoe: Indro, Esao rahalahinao mikasa hamaly ny nataonao ka hamono anao. **43** Ary ankehitriny, anaka, araho ny teniko; miainga ka mandosira ho any Harana, dia any amin' i Labana anadahiko. **44** Ary mitoera any aminy andro vitsivitsy mandra-pahafaky ny fahatezeran' ny rahalahinao, **45** eny, mandra-pahafaky ny fahatezeran' ny rahalahinao aminao, ka ho hadinony izay nataonao taminy; dia haniraka aho ka hampaka anao any; hataoko ahoana no famoy anareo mirahalahy indray andro? **46** Ary hoy Rebeka tamin' Isaka: Tsy te-ho velona aho noho ireny zanakavavin' ny Hetita; raha maka vady amin' ny zanakavavin' ny Hetita Jakoba, tahaka ireto izay avy amin' ny zazavavy tompon-tany koa hataoko inona ny aiko?

28 Ary Isaka nampaka an' i Jakoba ka nitso-drano azy ary namepetra azy hoe: Aza maka vady avy amin' ny zanakavavin' ny Kananita ianao. **2** Miainga ka mankanesa any Mesopotamia, any amin' ny tranon' i Betoela rain-dreninao; dia makà vady any, avy amin' ny zanakavavin' i Labana anadahin-dreninao. **3** Ary Andriamanitra Tsitoha anie hitahy anao ka hahamaro fara anao sy hampitombo anao, mba ho tonga firenena maro ianao; **4** ary homeny anao anie ny fitahiana an' i Abrahama, dia ho anao sy ny taranakao koa, mba handovanao ny tany fivahinianao, izay efa nomen' Andriamanitra an' i Abrahama. **5** Ary Isaka nampandeha an' i Jakoba ka dia lasa izy nankany Mesopotamia, ho any amin' i Labana, zanak' i Betoela Syriana, anadahin-dRebeka, renin' i Jakoba sy Esao. **6** Ary nony hitan' i Esao fa Isaka efa nitso-drano an' i Jakoba ka efa nampandeha azy ho any Mesopotamia haka vady any ary nitso-drano azy sady namepetra azy hoe: Aza maka vady avy amin' ny zanakavavin' ny Kananita ianao; **7** koa Jakoba efa nanaraka ny tenin' ny rainy aman-dreniny ka lasa nankany Mesopotamia; **8** ary hitan' i Esao fa efa ratsy teo imason' Isaka rainy ny zanakavavin' ny Kananita: **9** dia lasa Esao nankany amin' Isimaela ka naka an' i Mahalota, zanakavavin' Isimaela, zanak' i Abrahama, sady anabavin' i Nebaiota, ho vadiny, ho fanampin' ny vady izay nananany. **10** Dia nivoaka avy tany Beri-sheba Jakoba ka nankany Harana. **11** Ary tonga teo amin' ny fitoerana anankiray izy ka nandry teo niloaka alina, satria efa maty ny masoandro; dia naka vato tamin' izany fitoerana izany izy, ka nataony ondana, dia nandry teo izy. **12** Ary nanonofy izy, ka, indro, nisy tohatra niorina tamin' ny tany, ka nipaka tamin' ny lanitra ny lohany; ary, indreo, nisy anjelin' Andriamanitra niakatra sy nidina teo aminy. **13** Ary, indro, Jehovah niseho teo amboniny ka nanao hoe: Izaho no Jehovah, Andriamanitr' i Abrahama rainao sy Andriamanitr' Isaka; ny tany izay andrianao dia homeko anao sy ny taranakao; **14** ary ny taranakao ho be tahaka ny vovoka amin' ny tany; dia hiely any andrefana sy any atsinanana ary any avaratra sy any atsimo ianao; ary aminao sy ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany. **15** Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin' izay lalan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin' ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao. **16** Ary Jakoba nahatsiaro tamin' ny torimasony, dia nanao hoe: Ato amin' ity fitoerana ity tokoa Jehovah, fa izaho no tsy nahalala. **17** Dia raiki-tahotra izy ka nanao hoe: Endrey, mahatahotra ity fitoerana ity! tsy hafa ity, fa tranon' Andriamanitra sy vavahadin' ny lanitra. **18** Ary nifoha maraina koa Jakoba, dia naka ilay vato izay nataony ondana ka nanorina azy ho tsangam-bato, dia nampidina diloilo teo aminy. **19** Ary ny anaran' izany fitoerana izany dia nataony hoe Betela, fa Lozy no anaran' ilay tanàna tany aloha. **20** Dia nivoady Jakoba ka nanao hoe: Raha homba ahy Andriamanitra ka hiaro ahy amin' izao lalana alehako izao, ary hanome ahy mofo hohaniko sy lamba hitafiako, **21** ka ho tafaverina soa aman-tsara any amin' ny tranon' ny raiko aho, dia Jehovah no ho Andriamanitro, **22** ary ity vato izay naoriko ho tsangam-bato ity ho tranon' Andriamanitra, ary izay rehetra homenao ahy, dia homeko Anao tokoa ny ampahafolony.

29 Dia niainga Jakoba ka nankany amin' ny tanin' ny zanaky ny atsinanana. **2** Dia nijery izy, ka, indro, nisy lavaka fantsakana tany an-tsaha, ary, indro, nisy ondry aman' osy telo, dia nandry teo anilany; fa teo amin' izany lavaka fantsakana izany no fampisotroan' ny olona ny andian' ny ondry aman' osy; ary lehibe ny vato teo am-bavan' ny fantsakana. **3** Ary nangonina teo ny andian' ny ondry aman' osy rehetra, dia nakodian' ny olona ny vato hiala amin' ny vavan' ny lavaka fantsakana, ka nampisotroiny ny ondry aman' osy; ary dia naveriny indray ny Vato ho eo am-bavan' ny lavaka fantsakana ho amin' ny fitoerany. **4** Ary hoy Jakoba tamin' ny olona: Ry rahalahiko, avy aiza moa ianareo? Ary hoy ireo: Avy any Harana izahay.

5 Ary hoy izy taminy: Moa mba fantatrareo va Labana, zanakalahin' i Nahora? Dia hoy izy: Fantatray ihany. **6** Ary hoy izy taminy: Tsara ihany va izy? Dia hoy izy: Tsara ihany izy; ary, indro, tamy Rahely zananivavy mitondra ny ondry aman' osy. **7** Ary hoy izy: Indro, mbola antoandrobe ny andro, ka tsy mbola mby amin' ny fotoana famoriana ny omby aman' ondry; ampisotroy ny ondry aman' osy, dia andeha, andraso. **8** Dia hoy izy: Tsy azonay hatao izany, raha tsy efa tafangona avokoa ny andian' ny ondry aman' osy rehetra, ka hakodian' ny olona ny vato hiala amin' ny vavan' ny lavaka fantsakana; dia vao hampisotro ny ondry aman' osy izahay. **9** Raha mbola niteny taminy izy; dia, indro, tamy Rahely nitondra ny ondry aman' osin-drainy; fa mpiandry ondry izy. **10** Ary rehefa hitan' i Jakoba Rahely, zanakavavin' i Labana anadahin-dreniny, sy ny ondry aman' osin' i Labana anadahin-dreniny, dia nanatona izy ka nanakodia ny vato hiala tamin' ny vavan' ny lavaka fantsakana, dia nampisotro ny ondry aman' osin' i Labana anadahin-dreniny izy. **11** Ary Jakoba nanoroka an-dRahely, dia nanandrata ny feony ka nitomany. **12** Dia nambaran' i Jakoba tamin-dRahely fa havan-drainy sy zana-dRebeka izy; dia nihazakazaka Rahely nanambara izany tamin-drainy. **13** Ary rehefa ren' i Labana ny filazany an' i Jakoba, zanak' anabaviny, dia nihazakazaka nitsena azy izy ka namihina azy sy nanoroka azy ary nitondra azy ho any an-tranony. Dia nambaran' i Jakoba tamin' i Labana izany rehetra izany. **14** Ary hoy Labana taminy: Taolako sy nofoko tokoa ianao. Ary rehefa nitoetra tao aminy andro iray volana Jakoba, **15** dia hoy Labana taminy: Moa na dia rahalahiko aza ianao, dia hanompo ahy maina va? Lazao amiko izay ho karamanao. **16** Ary Labana nanan-janaka roa vavy: Lea no anaran' ny zokiny, ary Rahely no anaran' ny zandriny. **17** Ary Lea nalemy maso; fa Rahely bikàna sady tsara tarehy. **18** Ary Jakoba tia an-dRahely ka nanao hoe: Hanompo anao fito taona aho hahazoako an-dRahely, zanakao faravavy. **19** Ary hoy Labana: Aleoko homena anao izy, toy izay homena lehilahy hafa; tomoera eto amiko. **20** Dia nanompo an' i Labana fito taona Jakoba hahazoany an-dRahely; ary toa andro vitsy foana teo imasony izany noho ny fitiavany azy. **21** Ary hoy Jakoba tamin' i Labana: Aiza ny vadiko, mba hanambadiako azy? fa efa tapitra ny fetr' androko. **22** Ary nampamory ny tompon-tany rehetra Labana ka nanao fanasana. **23** Kanjo nony hariva dia naka an' i Lea zananivavy izy ka nitondra azy ho any amin' i Jakoba; dia nanambady azy Jakoba. **24** Ary nomen' i Labana an' i Lea zananivavy Zilpa ankizivaviny hanompo azy. **25** Ary nony efa maraina ny andro, indro fa Lea izy; dia hoy Jakoba tamin' i Labana: Ahoana izao nataonao tamiko izao? Moa tsy Rahely va no nanompoako anao? Ka nahoana no nofitahinao aho? **26** Dia hoy Labana: Tsy fanao atỳ amin' ny taninay ny mamoaka ny zandriny alohan' ny zokiny. **27** Tanteraho ny herinandron' ity ankiray ity, dia homenay anao koa ny anankiray noho ny fanompoana izay mbola hanompoanao ahy fito taona indray. **28** Dia nataon' i Jakoba izany, ka notanterahiny ny herinandrony; dia nomen' i Labana azy koa Rahely zananivavy ho vadiny. **29** Ary nomen' i Labana an-dRahely zananivavy kosa Bila ankizivaviny hanompo azy. **30** Dia novadin' i Jakoba koa Rahely; ary izy no tiany mihoatra noho Lea; dia nanompo an' i Labana fito taona indray izy. **31** Ary rehefa hitan' i Jehovah fa nankahalaina Lea, dia nampanan' anaka azy Izy; fa momba kosa Rahely. **32** Dia nanan' anaka Lea ka niteraka zazalahy, ary ny anarany dia nataony hoe Robena; fa hoy izy: Efa nitsinjo ny fahoriako Jehovah, fa ankehitriny dia ho tian' ny vadiko aho. **33** Dia nanan' anaka indray izy ka niteraka zazalahy; ary hoy izy: Satria ren' i Jehovah fa efa nankalahaina aho, dia nomeny ahy koa ity; dia nataony hoe Simeona ny anarany. **34** Dia nanan' anaka indray izy ka niteraka zazalahy; ary hoy izy: Ankehitriny izao dia hikambana amiko ny vadiko, fa efa niteraka zazalahy telo ho azy aho; izany no nanaovana ny anarany hoe Levy. **35** Dia nanan' anaka indray izy ka niteraka zazalahy; ary hoy izy: Ankehitriny dia hidera an' i Jehovah aho; izany no nanaovany ny anarany hoe Joda; dia nitsaha-jaza izy.

30 Ary rehefa hitan-dRahely fa tsy mba niteraka tamin' i Jakoba izy, dia nialona ny rahavaviny izy, ka hoy izy tamin' i Jakoba: Mba omeo zaza aho, fa raha tsy izany, dia ho faty aho. **2** Dia nirehitra tamin-dRahely ny fahatezeran' i Jakoba, ka hoy izy: Solon' Andriamanitra, Izay nahamomba anao tsy hiteraka, va aho? **3** Ary hoy izy: Indro Bila ankizivaviko, vadio izy; dia hiteraka eo ampofoako izy, mba hahazoako zaza aminy. **4** Dia nomeny azy Bila ankizivaviny ho vadiny; ary dia novadin' i Jakoba koa izy. **5** Dia nanan' anaka Bila ka niteraka zazalahy tamin' i Jakoba. **6** Ary hoy Rahely: Andriamanitra efa nanome ahy ny rariny sady efa nihaino ny feoko, ka nomeny zazalahy aho; izany no nanaovany ny anarany hoe Dana. **7** Dia nanan' anaka indray Bila, ankizivavin-Rahely, ka niteraka zazalahy faharoany tamin' i Jakoba. **8** Ary hoy Rahely: Fitolomana mafy dia mafy no nitolomako tamin' ny rahavaviko, ka nahery aho; dia nataony hoe Naftaly ny anarany. **9** Ary rehefa hitan' i Lea fa efa nitsaha-jaza izy, dia naka an' i Zilpa ankizivaviny izy, ka nomeny ho vadin' i Jakoba koa. **10** Ary Zilpa, ankizivavin' i Lea, dia niteraka zazalahy tamin' i Jakoba. **11** Ary hoy Lea: Mananjara re aho! dia nataony hoe Gada ny anarany. **12** Ary Zilpa, ankizivavin' i Lea, dia niteraka zazalahy faharoany tamin' i Jakoba. **13** Ary hoy Lea: Sambatra aho, fa hataon' ny zanakavavin' ny olona hoe sambatra aho; dia nataony hoe Asera ny anarany. **14** Ary nivoaka nitsangantsangana Robena tamin' ny andro fijinjam-bary ka nahita dodaima naniry tany an-tsaha, dia nitondra azy ho any amin' i Lea reniny. Ary hoy Rahely tamin' i Lea: Veloma ianao, mba anomezo ahy kely ny dodaiman' ny zanakao. **15** Ary hoy izy taminy: Moa zavatra kely va ny nakanao ny vadiko? Dia halainao koa va ny dodaiman' ny zanako? Ary hoy Rahely: Aoka handry aminao ihany ary izy anio alina noho ny dodaiman' ny zanakao. **16** Ary nony hariva, rehefa tonga avy tany an-tsaha Jakoba, dia nivoaka nitsena azy Lea ka nanao hoe: Ho ato amiko no halehanao; fa ny dodaiman' ny zanako no efa nakaramako anao tokoa. Dia nandry taminy izy tamin' iny alina iny. **17** Ary Andriamanitra nihaino an' i Lea, dia nanan' anaka izy ka niteraka zazalahy

fahadiminy tamin' i Jakoba. **18** Ary hoy Lea: Efa nomen' Andriamanitra ny karamako, satria nomeko hovadin' ny vadiko ny ankizivaviko; dia nataony hoe Isakara ny anarany. **19** Dia nanan' anaka indray Lea ka niteraka zazalahy faheniny tamin' i Jakoba. **20** Ary hoy Lea: Efa nanome anjara soa ho ahy Andriamanitra; amin' izao vao hitoetra amiko ny vadiko, fa efa niteraka zaza enin-dahy ho azy aho; dia nataony hoe Zebolona ny anarany. **21** Ary rehefa afaka izany, dia niteraka zazavavy izy, ka nataony hoe Dina ny anarany. **22** Ary Andriamanitra nahatsiaro an-dRahely, dia nihaino azy ka nampanan' anaka azy. **23** Ary nanan' anaka izy ka niteraka zazalahy; dia hoy izy: Efa nahafatondromaso ahy Andriamanitra. **24** Dia nataony hoe Josefa ny anarany, ka hoy izy: Jehovah anie mbola hanampy zazalahy iray ho ahy koa. **25** Ary rehefa niteraka an' i Josefa Rahely, dia hoy Jakoba tamin' i Labana: Alefaso aho hankany amin' ny fonenako sy ny taniko. **26** Omeo ahy ny vadiko aman-janako, izay nanompoako anao, dia handeha aho; fa fantatrao ny fanompoana izay nanompoako anao. **27** Ary hoy Labana taminy: Masìna ianao, raha nahita fitia eo imasonao aho, mitoera eto amiko, efa namantatra aho, ka fantatro fa avy taminao no nitahian' i Jehovah ahy. **28** Ary hoy koa izy: Tonony izay ho karamanao, dia homeko anao. **29** Ary hoy Jakoba taminy; Fantatrao ny nanompoako anao sy ny toetry ny omby aman' ondrinao tato amiko. **30** Fa kely ny fananananao, fony tsy mbola tonga aho, fa efa nitombo be dia be izy; ary efa nitahy anao Jehovah tamin' ny diako rehetra; ary ankehitriny, rahoviana kosa aho no mba hihary ho an' ny ao an-tranoko? **31** Ary hoy izy: Inona ary no homeko anao? Ary hoy Jakoba: Tsy hanome ahy na inona na inona ianao; raha hataonao amiko izao zavatra izao, dia mbola handrasako sy hotandremako ihany ny ondry aman' osinao: **32** Handeha hitety ny ondry aman' osinao rehetra aho anio ka hanavaka ny mara sy ny sada rehetra, ary ny mainty rehetra eo amin' ny ondry ary ny sada sy ny mara eo amin' ny osy; koa ireny no ho karamako. **33** Ny fahamarinako no ho vavolombeloko amin' ny andro ho avy, raha tonga ianao handinika ny karamako: izay rehetra tsy mara ary tsy sada eo amin' ny osy, ary izay tsy mainty eo amin' ny ondry, dia ho halatro izany. **34** Ary hoy Labana: Eny, aoka ho araka ny teninao ary. **35** Dia navahany tamin' izany andro izany ny osilahy sadika sy sada, ary izay osivavy rehetra mara sy sada, dia izay rehetra nisy fotsy, ary ny mainty rehetra teo amin' ny ondry; dia natolony teo an-tanan' ny zananilahy ireny. **36** Ary nasiany lalan-kateloana teo anelanelan' izy sy Jakoba; ary Jakoba niandry ny ondry aman' osin' i Labana sisa. **37** Ary Jakoba dia naka tsorakazo maro tamin' ny hazo popola maitso sy tamin' ny hazo lozy sy tamin' ny hazo platana; ka nataony ofy vandana ireny hisehoan' ny fotsy izay teo amin' ny tsorakazo. **38** Ary ireny tsorakazo voaofiny ireny dia napetrany teo anoloan' ny ondry aman' osy, teo anatin' ny tavin-drano, dia teo amin' ny fisotroan-drano, izay nalehan' ny ondry aman' osy hisotro, ka nikambana teo ny lahy sy ny vavy, raha avy hisotro rano izy. **39** Dia nikambana tandrifin' ny tsorakazo ny ondry aman' osy ka niteraka sadika sy mara ary sada. **40** Ary ny zanak' ondry navahan' i Jakoba, ary ny ondry sisa dia nataony manatrika ny sadika sy ny mainty rehetra teo amin' ny ondry aman' osin' i Labana; ary natokany izay ondry aman' osy ho azy ka tsy navelany hiharo tamin' ny ondry aman' osin' i Labana. **41** Ary na oviana na oviana no hikambanan' ny ondry aman' osy matanjaka, dia napetrak' i Jakoba teo anatin' ny tavin-drano teo anoloan' ny mason' ny ondry aman' osy ireny tsorakazo ireny, mba hikambanany eo anilan' ny tsorakazo. **42** Fa raha osaosa kosa ny ondry aman' osy, dia tsy mba napetrany teo ireny; ka dia ny osaosa no an' i Labana, fa ny matanjaka kosa no an' i Jakoba. **43** Dia nitombo harena indrindra ralehilahy ka nanana ondry aman' osy betsaka ary andevovavy sy andevolahy ary rameva sy boriky.

31 Ary Jakoba nandre ny tenin' ny zanakalahin' i Labana nanao hoe: Efa lasan' i Jakoba avokoa izay rehetra nananan' ny raintsika; ary avy tamin' ny fananan' ny raintsika no nahazoany izao voninahitra rehetra izao. **2** Ary hitan' i Jakoba ny tarehin' i Labana, fa indro tsy mba miramirana taminy tahaka ny taloha izy. **3** Ary hoy Jehovah tamin' i Jakoba: Modia any amin' ny tanin' ny razanao sy any amin' ny havanao; ary homba anao Aho. **4** Ary Jakoba naniraka ka nampaka an-dRahely sy Lea hankany an-tsaha ho any amin' ny ondry aman' osiny **5** ka nanao taminy hoe: Hitako ny tarehin' ny rainareo, fa tsy mba miramirana amiko tahaka ny taloha; fa Andriamanitry ny raiko no efa nomba ahy. **6** Ary fantatrareo fa tamin' ny heriko rehetra no nanompoako ny rainareo. **7** Fa ny rainareo efa namitaka ahy ka efa nanova ny karamako im-polo; nefa tsy navelan' Andriamanitra hahatonga loza tamiko izy. **8** Raha nilaza hoe izy: Ny mara rehetra ho karamanao, dia niteraka mara ny ondry aman' osy rehetra: ary raha nilaza hoe indray izy: Ny sadika rehetra ho karamanao, dia niteraka sadika ny ondry aman' osy rehetra. **9** Dia nalain' Andriamanitra ny fananan' ny rainareo ka nomeny ahy. **10** Ary rehefa mby amin' ny andro izay nikambanan' ny ondry aman' osy, dia natopiko ny masoko, ka hitako tamin' ny nofy, ary indro, sadika sy mara ary sada ny lahy izay nikambana tamin' ny ondrivavy sy ny osivavy. **11** Ary hoy Ilay Anjelin' Andriamanitra tamiko tamin' ny nofy: Ry Jakoba; dia hoy izaho: Inty aho. **12** Ary hoy Izy: Mba atopazy ny masonao ka jereo, fa sadika sy mara ary sada ny lahy rehetra izay mikambana amin' ny ondrivavy sy ny osivavy, satria efa hitako izay rehetra nataon' i Labana taminao. **13** Izaho no Andriamanitr' i Betela, izay nanosoranao tsangam-bato sy nivoadianao tamiko; miaingà ankehitriny hiala amin' ity tany ity, ka modia any amin' ny tany nahaterahanao. **14** Dia namaly Rahely sy Lea ka nanao taminy hoe: Mbola misy anjara sy lova ho anay va ao an-tranon' ny rainay? **15** Tsy nataony toy ny vahiny va izahay? Fa efa namidiny izahay sady nohaniny lalandava ny volanay rehetra. **16** Fa ny harena rehetra izay nalain' Andriamanitra tamin' ny rainay, dia anay sy an' ny zanakay izany; koa ankehitriny, izay rehetra nolazain' Andriamanitra taminao dia ataovy. **17** Dia niainga Jakoba, ka nampitaingeniny ny rameva ny zanany sy ny vadiny; **18** dia nitondra ny ombiny sy ny ondry aman' osiny rehetra izy, mbamin' ny fananana rehetra izay efa nohariny, dia ny

omby aman' ondry izay efa azony tany Mesopotamia, mba hankany amin' Isaka rainy any amin' ny tany Kanana. **19** Ary Labana efa lasa nandeha hanety ny ondry aman' osiny; dia nangalarin-dRahely ny sampin-drainy. **20** Ary Jakoba dia nangala-dia tamin' i Labana Syriana, fa tsy nambarany taminy ny amin' ny handosirany. **21** Ary nandositra izy ka nitondra ny fananany rehetra; dia niainga izy ka nita ny Ony, ary nizotra hankany an-tendrombohitra Gileada. **22** Ary tamin' ny andro fahatelo dia nisy nanambara tamin' i Labana fa lasa nandositra Jakoba. **23** Dia nitondra ny havany homba azy izy ka nanenjika azy lalan-kafitoana, dia nahatratra azy teo an-tendrombohitra Gileada. **24** Fa Andriamanitra nankeo amin' i Labana Syriana tamin' ny nofy nony alina ka nanao taminy hoe: Tandremo mba tsy hasianao teny akory Jakoba, na soa na ratsy. **25** Ary Labana dia nahatratra an' i Jakoba. Ary Jakoba dia efa nanorina ny lainy teo an-tendrombohitra; ary Labana sy ny havany kosa nanorin-day teo an-tendrombohitr' i Gileada. **26** Ary hoy Labana tamin' i Jakoba: Inona izao ataonao izao, no dia nangala-dia tamiko ianao ka nitondra ny zanako-vavy toy ny babo azo tamin' ny sabatra? **27** Nahoana no nandositra mangingina ianao ka nangala-dia tamiko; ary tsy nanambara tamiko ianao mba hanaterako anao amin' ny fifaliana sy ny hira, amin' ny ampongatapaka sy ny lokanga, **28** sady tsy mba navelanao hanoroka ny zanako-lahy sy ny zanako-vavy aho? Fa izao dia efa nanao adaladala ianao. **29** Manan-kery hanisy ratsy anareo ny tanako; fa Andriamanitry ny rainareo efa niteny tamiko halina ka nanao hoe: Tandremo mba tsy hasianao teny akory Jakoba, na soa na ratsy. **30** Ary ankehitriny, raha mandeha tokoa ianao, satria manina ny tranon' ny rainao indrindra ianao, nahoana no nangalarinao ny andriamanitro? **31** Dia namaly Jakoba ka nanao tamin' i Labana hoe: Satria natahotra aho; fa hoy izaho: Angamba halainao an-keriny amiko ny zanakao-vavy. **32** Izay hahitanao ny andriamanitrao dia aza velomina; eto anatrehan' ny havantsika savao izay ato amiko, ka ento ny anao. Fa tsy fantatr' i Jakoba fa Rahely no efa nangalatra azy. **33** Ary Labana niditra tao an-dain' i Jakoba sy tao an-dain' i Lea ary tao an-dain' ny ankiziny roa vavy, fa tsy nahita. Dia niala tao an-dain' i Lea izy ka niditra tao an-dain-Rahely. **34** Fa efa nalain-dRahely ny sampy ka nataony tao anatin' ny laselin' ny rameva, dia nipetraka teo amboniny izy. Ary Labana dia nikaroka eran' ny lay rehetra, fa tsy nahita. **35** Ary hoy Rahely tamin' ny rainy: Aza fady aho, tompokolahy, fa tsy mahazo mitsangana eto anatrehanao aho, satria azon' ny fombam-behivavy. Dia nikaroka fatratra izy, fa tsy nahita ny sampy. **36** Dia tezitra Jakoba ka nifamaly tamin' i Labana; ary namaly Jakoba ka nanao tamin' i Labana hoe: Inona no heloko? inona no otako, no dia niolomay nanenjika ahy ianao? **37** Fa efa nosavanao avokoa ny entako rehetra, koa inona no fanaka avy tany an-tranonao hitanao tao? Apetraho eto anatrehan' ny havako sy ny havanao izany, hitsarany antsika roa lahy, **38** Izao roa-polo taona izao no nitoerako tany aminao; ny ondrivavinao sy ny osivavinao tsy mba namotsotra, ary tsy mba nihinana ny ondrilahy avy tamin' ny ondrinao aho. **39** Izay voaviraviram-biby tsy mba nentiko tany aminao, fa izaho no nanolo azy; teo an-tanako no nitadiavanao azy, na ny nangalarina andro, na ny nangalarina alina. **40** Nony antoandro matin' ny hain' andro aho, ary nony alina dia matin' ny fanala; ary nandositra ny masoko ny torimaso. **41** Izao roa-polo taona izao no nitoerako tany an-tranonao, ka efatra ambin' ny folo taona no nanompoako anao hahazoako azy mirahavavy zanakao, ary enin-taona kosa hahazoako ny ondry aman' osinao, ary efa nanova ny karamako im-polo ianao. **42** Raha tsy Andriamanitry ny raiko, dia Andriamanitr' i Abrahama, Ilay natahoran' Isaka, no nomba ahy, dia ho nampandehaninao maina tokoa aho ankehitriny. Andriamanitra efa nitsinjo ny fahoriako sy ny fisasaran' ny tanako ka nananatra anao halina. **43** Dia namaly Labana ka nanao tamin' i Jakoba hoe: Ireo zazavavy ireo dia zanako-vavy ary ireo zazalahy ireo dia zanako-lahy; ary ireo ondry aman' osy ireo dia ondry aman' osiko; ary izao rehetra hitanao izao dia ahy avokoa; ary ahoana no hataoko anio amin' ireto zanako-vavy, na amin' ny zanany naterany? **44** Koa ankehitriny avia hanao fanekena isika, dia izaho sy ianao, ka aoka ho vavolombelona amiko sy aminao izany. **45** Dia naka vato iray Jakoba ka nanangana azy ho tsangam-bato. **46** Ary hoy Jakoba tamin' ireo havany: Manangòna vato; dia naka vato izy, ka nataony antontany; ary dia nihinana teo anilan' ny antontam-bato izy rehetra. **47** Ary ny anaran' ny antontam-bato dia nataon' i Labana hoe Jegara-sahadota; fa Jakoba kosa nanao azy hoe Galeda. **48** Ary hoy Labana: Ity antontam-bato ity no vavolombelona amintsika anio. Izany no nanaovany ny anarany hoe Galeda. **49** Ary nataony hoe Mizpa koa izy, fa hoy izy: Jehovah hitazana ahy sy ianao, rehefa tsy mifankahita isika. **50** Raha tahìny hampahory ny zanako-vavy ianao, na hanambady afa-tsy ireo zanako-vavy ireo ihany, tsy misy olona eto amintsika, fa, indro, Andriamanitra no ho vavolombelona amintsika. **51** Ary hoy indray Labana tamin' i Jakoba: Indro ity antontam-bato ity, ary indro ity tsangam-bato ity izay naoriko eto anelanelantsika, izaho sy ianao; **52** dia aoka ho vavolombelona ity antontam-bato ity, ary aoka ho vavolombelona ity tsangam-bato ity, mba tsy hihoarako ity antontam-bato ity hankany aminao, ary mba tsy hihoaranao ity antontam-bato ity sy ity tsangam-bato ity hankatỳ amiko kosa hanisy ratsy. **53** Ny andriamanitr' i Abrahama sy ny andriamanitr' i Nahora, dia ny andriamanitry ny rain' izy mirahalahy anie hitsara antsika. Fa Ilay natahoran' i Isaka rainy kosa no nianianan' i Jakoba. **54** Dia namono zavatra hatao fanatitra teo an-tendrombohitra Jakoba ka nanasa ny havany mba hihinan-kanina; dia nihinana izy ka nitoetra teo an-tendrombohitra nandritra ny alina, **55** Ary nifoha maraina koa Labana, dia nanoroka ny zananilahy sy ny zananivavy ka nitso-drano azy; dia lasa nandeha Labana nody any amin' ny fonenany.

32 Ary Jakoba nizotra tamin' ny lalan-kalehany, dia nisy anjelin' Andriamanitra nitsena azy. **2** Ary hoy Jakoba, raha nahita ireo: Tobin' Andriamanitra ity; ary ny anaran' izany tany izany nataony hoe Mahanaima. **3** Ary nandefa iraka Jakoba hialoha azy ho any amin' i Esao

rahalahiny, ho any Seïra, tanin' i Edoma. **4** Ary nanome teny azy izy ka nanao hoe: Izao no holazainareo amin' i Esao tompoko: Izao no tenin' i Jakoba mpanomponao: Efa nivahiny tany amin' i Labana aho ka nitoetra tany mandraka ankehitriny; **5** ary manana omby sy boriky sy ondry aman' osy ary andevolahy aho; dia efa mba naniraka hanambara aminao tompokolahy ihany aho mba hahitako fitia eo imasonao. **6** Dia niverina tany amin' i Jakoba ny iraka ka nanao hoe: Tafahaona tamin' i Esao rahalahinao izahay, ary izy koa dia avy hitsena anao mitondra olona efa-jato lahy. **7** Dia natahotra indrindra Jakoba ka poritra dia poritra; dia nozarainy roa toko ny olona izay nomba azy mbamin' ny ondry aman' osy sy ny omby ary ny rameva; **8** fa hoy izy: Raha tafahaona amin' ny antokony anankiray Esao ka mamely azy, dia handositra kosa ny antokony anankiray. **9** Ary hoy Jakoba: E Andriamanitr' i Abrahama raiko, sady Andriamanitr' Isaka raiko, dia Jehovah Izay efa nanao tamiko hoe: Modia any amin' ny taninao sy any amin' ny havanao dia hanao soa aminao Aho; **10** tsy mendrika ho nahazo na kely akory aza aho tamin' ny famindram-po rehetra sy ny fahamarinana rehetra, izay nataonao tamiko mpanomponao; fa tsy nitondra na inona na inona afa-tsy ny tehiko ihany aho fony nita ity Jordana ity; nefa ankehitriny efa tonga toby roa aho. **11** O vonjeo aho amin' ny tanan' ny rahalahiko, dia amin' ny tànan' i Esao; fa matahotra azy aho, fandrao avy mamely ahy mbamin' ny vadiko aman-janako izy. **12** Fa Hianao efa nanao hoe: Hanisy soa anao tokoa Aho, ka hataoko maro ny taranakao ho tahaka ny fasika any an-dranomasina, izay tsy azo isaina noho ny hamaroany. **13** Dia nitoetra teo izy tamin' iny alina iny; ary naka tamin' izay teo an-tànany izy mba hampanaterina ho an' i Esao rahalahiny, **14** dia osivavy roan-jato sy osilahy roa-polo, ondrivavy roan-jato sy ondrilahy roa-polo **15** ary rameva telo-polo ampianahany, vantotr' ombivavy efa-polo sy vantotr' ombilahy folo, borikivavy roa-polo ary zana-boriky folo. **16** Dia natolony teo an-tànan' ny mpanompony ireny, mitokantokana isan-toko; ary hoy izy tamin' ny mpanompony: Mandehana eo alohako, ary asio elanelany eo amin' ny isan-toko. **17** Dia nanome teny ny voalohany izy ka nanao hoe: Raha mifanena aminao Esao rahalahiko ka manontany anao hoe: An' iza ianao? ary hankaiza moa? ary an' iza ireo alohanao? **18** dia lazaonao hoe: An' i Jakoba mpanomponao ireo, dia zavatra nampanaterina ho an' itompokolahy Esao; ary indro koa izy ao aorianay ao. **19** Ary nanome teny ny faharoa sy ny fahatelo koa izy, ary izay rehetra nandeha nanaraka ny isan-toko, ka nanao hoe: Araka izany teny izany no lazaonareo amin' i Esao, raha hitanareo izy. **20** Ary lazao hoe koa: Indro, Jakoba mpanomponao ao aorianay ao. Fa hoy izy: Hampionona ny hatezerany aho amin' ireo zavatra nampialohaviko ireo, ary rehefa afaka izany, dia vao hahita ny tavany aho; angamba hahazo fitia aminy aho. **21** Ary dia lasa nialoha azy ireny zavatra nampanateriny ireny; fa izy mbola nitoetra teo amin' ny toby ihany tamin' iny alina iny. **22** Dia nitsangana tamin' iny alina iny ihany izy ka nitondra ny vadiny roa vavy sy ny ankizivaviny roa ary ny zananilahy iraika ambin' ny folo, dia nita tamin' ny fitàna tao Jaboka izy. **23** Ary naka azy ireo izy, dia nampita azy tamin' ny renirano, ary nampita ny fananany koa izy. **24** Dia Jakoba irery no sisa nitoetra teo; ary nisy lehilahy anankiray nitolona taminy ambara-pahazavaratsin' ny andro. **25** Ary rehefa hitany fa tsy naharesy azy izy, dia notendreny ny foto-peny; ka dia nivika ny foto-pen' i Jakoba, raha mbola nitolona taminy Izy. **26** Ary hoy Izy: Avelao Aho handeha, fa efa mazavaratsy ny andro. Fa hoy kosa Jakoba: Tsy havelako handeha Hianao, raha tsy tahinao aho. **27** Ary hoy Izy taminy: Iza moa no anaranao? dia hoy izy: Jakoba. **28** Ary hoy indray Izy: Tsy hatao hoe Jakoba intsony ny anaranao, fa Isiraely; satria efa nitolona tamin' Andriamanitra sy tamin' ny olona ianao ka nahery. **29** Dia nanontany Jakoba ka nanao hoe: Masìna Hianao, lazao kely izay anaranao. Ary hoy Izy: Ahoana no anontanianao ny anarako? Dia nitahy azy teo Izy. **30** Ary ny anaran' izany tany izany dia nataon' i Jakoba hoe Peniela; fa, hoy izy, efa nahita an' Andriamanitra nifanatrika tamiko aho, nefa voavonjy ny aiko. **31** Dia niposaka taminy ny masoandro, raha niala teo Peniela izy, ary nitolitsika izy noho ny feny. **32** Izany no tsy ihinanan' ny Zanak' Isiraely ny ozatry ny atodiakanga mandraka androany; satria nanendry ny foto-pen' i Jakoba teo amin' ny ozatry ny atodiakanga Izy.

33 Ary Jakoba dia nanopy ny masony ka nahatazana fa indro tamy Esao, mitondra efa-jato lahy. Dia nozarazarainy ny zaza ho amin' i Lea sy Rahely ary ho amin' ny ankizivavy roa. **2** Ary nataony loha-lalana ny ankizivavy roa sy ny zanany, ary Lea sy ny zanany nanarakaraka, ary Rahely sy Josefa no vodi-lalana. **3** Ary Jakoba nandeha teo alohan' izy rehetra ka niankohoka impito tamin' ny tany mandra-pahatongany teo akaikin' ny rahalahiny. **4** Dia nihazakazaka hitsena azy Esao, ary nisakambina ny tendany, dia namihina sy nanoroka azy; ary samy nitomany izy mirahalahy. **5** Ary Esao nanopy ny masony ka nahita ny zaza amim-behivavy; dia hoy izy: Iza moa ireto miaraka aminao ireto? Ary hoy kosa Jakoba: Ny zaza izay nomen' Andriamanitra ny mpanomponao noho ny fahasoavany. **6** Dia nanatona ny ankizivavy sy ny zanany ka niankohoka. **7** Dia nanatona koa Lea sy ny zanany ka niankohoka; ary farany, dia nanatona koa Josefa sy Rahely ka niankohoka. **8** Ary hoy Esao: Inona moa no hevitr' ireny antokony rehetra nifanena tamiko ireny? Ary hoy izy: Mba hahitako fitia eto imason' itompokolahy. **9** Ary dia hoy Esao: Manam-be ihany aho, ry rahalahiko; aoka ihany ho anao ny anao. **10** Ary hoy Jakoba: Trarantitra ianao, aza an' izany; raha mba mahita fitia eto imasonao aho, dia raiso amin' ny tanako ny zavatra nampanateriko; fa efa nahita ny tavanao aho tahaka ny mahita ny tavan' Andriamanitra, ary efa sitrakao aho. **11** Trarantitra ianao, raiso re ny saotro izay nampanaterina ho anao; fa efa nanisy soa ahy Andriamanitra, ka manam-be aho. Dia nanery azy izy, ka dia noraisiny ihany ny zavatra. **12** Ary hoy Esao: Aoka hiainga isika, ka handeha hialoha anao aho. **13** Fa hoy Jakoba taminy: Fantatr' itompokolahy fa mbola osa ny zaza, sady ampianahany ny ondry aman' osy sy ny omby ato amiko; koa raha hokorodonina indray andro aza ireo, dia ho faty avokoa ny ondry aman' osy

rehetra. **14** Trarantitra ianao, aoka itompokolahy hialoha ny mpanompony; ary izaho handeha miadana araka izay dian' ny omby aman' ondry, izay ho eo alohako, sy ny dian' ny zaza, mandra-pahatongako any amin' itompokolahy any Seïra. **15** Ary hoy Esao: Masìna ianao, aoka ary mba hamelako hiaraka aminao ny olona izay momba ahy. Fa hoy Jakoba: Ahoana no anaovanao izany? Aoka hahita fitia eto imason' itompokolahy aho. **16** Dia niverina androtrizay Esao tamin' ny lalany ho any Seïra. **17** Ary Jakoba nifindra nankany Sokota ka nanao trano ho azy ary nanao trano rantsan-kazo maromaro ho an' ny omby aman' ondriny; izany no nanaovana ny anaran' io tany io hoe Sokota. **18** Ary Jakoba tonga soa aman-tsara tao an-tanàna Sekema, izay eo amin' ny tany Kanana, rehefa avy tany Mesopotamia izy; dia nitoby tandrifin' ny tanàna. **19** Dia novidiny vola zato tamin' ny zanak' i Hamora, rain' i Sekema, ny tany izay nanorenany ny lainy. **20** Ary nanorina alitara teo izy, ka nataony hoe El-elohe-Isiraely ny anarany.

34 Dia nivoaka Dina, zanakavavin' i Lea, izay naterany tamin' i Jakoba, mba hizaha ny zazavavy tompontany. **2** Ary nahita azy Sekema, zanakalahin' i Hamora Hivita, andriana tamin' izany tany izany; dia naka azy izy ary nandry taminy ka nampietry azy. **3** Ary ny fony dia raiki-pitia tamin' i Dina, zanakavavin' i Jakoba; eny, tia ny zazavavy izy, ka dia nanao teny malefaka nahafinaritra azy. **4** Ary Sekema dia niteny tamin' i Hamora rainy ka nanao hoe: Alao io zazavavy io ho vadiko. **5** Ary ren' i Jakoba fa efa nandoto an' i Dina zananivavy izy; nefa ny zananilahy mbola niandry ny omby aman' ondriny tany an-tsaha; ka dia nangina aloha Jakoba mandra-pahatongany. **6** Dia nivoaka Hamora, rain' i Sekema, nankany amin' i Jakoba hidinika taminy. **7** Ary ny zanak' i Jakoba dia tonga avy tany an-tsaha, rehefa nandre izy, ka nalahelo sady tezitra indrindra, satria Sekema efa nanao izay fady indrindra teo amin' ny Isiraely noho ny nandriany tamin' ny zanakavavin' i Jakoba; fa zavatra izay tsy tokony hatao izany. **8** Ary Hamora nidinika taminy ka nanao hoe: Ny fon' i Sekema zanakolahy efa raiki-pitia amin' ny zanakareo-vavy; koa masìna ianareo, mba omeo azy ho vadiny. **9** Ary aoka hifanambady anaka isika: omeo anay ny zanakareo vavy, ary alao ho anareo kosa ny zanakai-vavy, **10** Dia hiaramonina aminay ianareo; ary indro ny tany eo anoloanareo; oneno, dia manaova varotra ao, ary aoka ho isan' ny tompon-tany ianareo. **11** Ary hoy Sekema tamin' ny rain' i Dina sy ny anadahiny: Aoka mba hahita fitia eto imasonareo aho, ary izay lazainareo amiko dia homeko; **12** na dia harena be sy zavatra betsaka aza no asainareo homeko, dia homeko ihany araka izay holazainareo amiko; fa omeo ahy ny zazavavy ho vadiko. **13** Ary ny zanak' i Jakoba namaly an' i Sekema sy Hamora rainy tamin' ny fitaka ka nisaroro azy noho ny nandotoany an' i Dina anabaviny; **14** ary hoy izy taminy: Tsy azonay atao ny hanome ny anabavinay ho an' izay lehilahy tsy voafora; fa fahavetavetana aminay izany. **15** Izao ihany no azonay hanekena anareo: Raha ho tahaka anay ianareo, ka hoforana ny lehilahy rehetra aminareo, **16** dia homenay anareo ny zanakai-vavy, ary ny zanakareo-vavy kosa halainay ho anay, dia hiara-monina aminareo izahay, ka ho firenena iray isika. **17** Fa raha tsy hanaraka ny teninay ianareo ka hoforana dia halainay ny zanakai-vavy, ka handeha izahay. **18** Dia sitrak' i Hamorasy Sekema zanany izany teniny izany. **19** Ary tsy nitaredretra ilay zatovo hanao izany zavatra izany, satria efa tia ny zanakavavin' i Jakoba izy. Ary izy no nalaza indrindra tamin' izay rehetra tao an-tranon' ny rainy. **20** Ary Hamora sy Sekema zananilahy nankeo amin' ny vavahadin' ny tanànany, dia niteny tamin' ny mponina tao an-tanànany ka nanao hoe: **21** Ireo olona ireo mipetraka tsara eto amintsika, dia aoka honina eto amin' ny tany izy ka hanao varotra eto; fa, indro, ny tany dia malalaka eo anoloany; ny zananivavy dia aoka halaintsika ho vadintsika, ary ny zanatsika vavy dia aoka homentsika azy kosa. **22** Nefa izao monja ihany no hanaovan' ireo lehilahy ireo fanekena amintsika mba hiara-monina amintsika ho firenena iray: mba hoforana koa, hono, ny lehilahy rehetra eto amintsika tahaka izay namorana azy ireo. **23** Tsy ho antsika va ny omby aman' ondriny sy ny fananany mbamin' ny biby fiompiny rehetra? Aoka hanaiky ny teniny ihany isika, dia hiara-monina amintsika izy. **24** Ary izay rehetra nivoaka tamin' ny vavahadin' ny tanànany dia nanaiky ny tenin' i Hamora sy Sekema zanany; ary noforana ny lehilahy rehetra, dia izay rehetra nivoaka tamin' ny vavahadin' ny tanànany. **25** Ary nony tamin' ny andro fahatelo, rehefa ilay narary mafy iny izy ireo, dia samy nitondra ny sabany ny zanak' i Jakoba roa lahy, dia Simeona sy Levy, anadahin' i Dina, ka niakatra sahisahy tao an-tanàna, dia namono ny lehilahy rehetra tao. **26** Ary Hamora sy Sekema zananilahy dia novonoiny tamin' ny lelan-tsabatra koa; dia naka an' i Dina tao an-tranon' i Sekema izy ka lasa nandeha. **27** Ary ny zanak' i Jakoba nankeny amin' ny faty ka namabo ny tanàna noho ny nandotoany ny anabaviny. **28** Ny ondry aman' osiny sy ny ombiny sy ny borikiny mbamin' izay rehetra tao an-tanàna sy izay rehetra tany an-tsaha dia nahorony avokoa; **29** ary ny fananany rehetra sy ny zanany madinika rehetra ary ny vadiny dia nobaboiny ka nofaohiny avokoa mbamin' izay rehetra tao an-trano. **30** Ary hoy Jakoba tamin' i Simeona sy Levy: Efa nahatonga loza amiko ianareo, fa efa nomaimboinareo eto amin' ny mponina amin' ny tany aho, dia amin' ny Kananita sy ny Perizita; nefa olom-bitsy aho, ka dia hiangona hamely ahy izy ireo ka hamono ahy; dia ho fongotra aho, dia izaho sy ny ankohonako. **31** Fa hoy kosa izy: Moa ny anabavinay havela hataony toy ny vehivavy janga va?

35 Ary hoy Andriamanitra tamin' i Jakoba: Miaingà, miakara any Betela ianao ka monena any; ary manorena alitara any ho an' Andriamanitra Izay niseho taminao, fony ianao nandositra ny tavan' i Esao rahalahinao. **2** Dia hoy Jakoba tamin' izay tao an-tranony mbamin' izay rehetra nomba azy: Ario ireo andriamani-kafa, izay ao aminareo, dia madiova, sady ovay ny fitafianareo; **3** ary andeha hiainga isika ka hiakatra any Betela; ary hanao alitara any aho ho an' Andriamanitra, Izay nihaino ahy tamin' ny andron' ny fahoriako ary nomba ahy tamin' ny

lalana izay nalehako. **4** Dia natolony teo amin' i Jakoba ny andriamani-kafa rehetra izay notànany sy ny kavina izay teny an-tsofiny; ary dia nalevin' i Jakoba tao am-pototry ny hazo terebinta izay tao akaikin' i Sekema ireo. **5** Dia lasa nandeha izy; ary nisy tahotra avy amin' Andriamanitra nahazo ny tanàna manodidina azy, ka tsy nanenjika ny zanak' i Jakoba izy. **6** Ary Jakoba dia tonga tany Lozy (Betela izany), izay any amin' ny tany Kanana, dia izy sy ny olona rehetra izay nomba azy. **7** Ary nanorina alitara teo izy, ka nataony hoe El-betela no anaran' izany tany izany; fa teo no nisehoan' Andriamanitra taminy, fony izy nandositra ny tavan' ny rahalahiny. **8** Ary maty Debora, mpitaiza an-dRebeka, ka naleviny tao am-pototr' i Betela, teo ambanin' ny hazo ôka; ary ny anaran' io dia nataony hoe Alona-bakota. **9** Ary Andriamanitra niseho indray tamin' i Jakoba, raha tonga avy tany Mesopotamia izy, ka nitahy azy. **10** Ary hoy Andriamanitra taminy: Jakoba no anaranao; nefa tsy hatao hoe Jakoba intsony ny anaranao, fa Isiraely ny anaranao; dia nataony hoe Isiraely no anarany. **11** Ary hoy Andriamanitra taminy: Izaho no Andriamanitra Tsitoha; maroa fara sy mihabetsaha; firenena maro no hiseho avy aminao, ary hisy mpanjaka amin' ny haterakao; **12** ary ny tany izay nomeko an' i Abrahama sy Isaka dia homeko anao; ary ny taranakao mandimby anao koa no homeko ny tany. **13** Ary Andriamanitra niakatra niala taminy, teo amin' ilay niresahany taminy. **14** Ary Jakoba dia nanorina tsangam-bato teo amin' ny fitoerana izay niresahany taminy ka nanidina fanatitra aidina teo aminy sady nampidina diloilo teo aminy koa. **15** Ary ny anaran' ny tany izay niresahan' Andriamanitra taminy dia nataon' i Jakoba hoe Betela. **16** Dia nifindra niala tany Betela izy; ary nony efa kely foana no sisa tsy nahatongavany tao Efrata, dia nihetsi-jaza Rahely sady sarotiny. **17** Ary nony sarotiny toy izany izy, dia hoy ny mpampivelona taminy: Aza matahotra ianao; fa izato koa no zazalahy ho anao. **18** Ary rehefa hiala aina (fa maty izy), dia nataony hoe Benony ny anarany; fa ny rainy kosa nanao azy hoe Benjamina. **19** Dia maty Rahely ka nalevina teo amin' ny lalana mankany Efrata (Betlehema izany). **20** Ary Jakoba nanorina tsangam-bato teo ambonin' ny fasany, dia ilay tsangam-bato ao amin' ny fasan-dRahely mandraka androany. **21** Dia lasa nifindra Isiraely ka nanorina ny lainy tao ankoatr' i Migdaledera. **22** Ary raha nonina teo amin' izany tany izany Isiraely, dia avy Robena ka nandry tamin' i Bila, vaditsindranon-drainy; ary nahare izany Isiraely. **23** Ary ny zanakalahin' i Jakoba dia roa ambin' ny folo mirahalahy: ny zanak' i Lea dia Robena, lahimatoan' i Jakoba, sy Simeona sy Levy sy Joda sy Isakara ary Zebolona; **24** ny zana-dRahely kosa dia Josefa sy Benjamina; **25** ary ny zanak' i Bila, ankizivavin-dRahely, kosa dia Dana sy Naftaly; **26** ary ny zanak' i Zilpa, ankizivavin' i Lea, kosa dia Gada sy Asera. Ireo no zanakalahin' i Jakoba izay naterany tany Mesopotamia. **27** Ary Jakoba nankany amin' Isaka rainy tany Mamre, any Kiriat-arba (Hebrona izany), izay nivahinian' i Abrahama sy Isaka. **28** Ary ny andro niainan' Isaka dia valo-polo amby zato taona. **29** Dia niala aina Isaka ka maty, ary voangona any amin' ny razany, rehefa tratrantitra sady ela niainana izy; ary dia nandevina azy Esao sy Jakoba zananilahy.

36 Ary izao no taranak' i Esao (Edoma izany): **2** Esao naka vady tamin' ny zanakavavin' ny Kananita, dia Ada, zanak' i Elona Hetita, sy Oholibama, zanak' i Ana, zanakavavin' i Zibona Hivita, **3** ary Basemata, zanakavavin' Isimaela sady anabavin' i Nebaiota. **4** Ary Ada niteraka an' i Elifaza tamin' i Esao; ary Basemata niteraka an' i Regoela; **5** ary Oholibama niteraka an' i Jeosy sy Jalama ary Kora. Ireo no zanak' i Esao, izay naterany tany amin' ny tany Kanana. **6** Dia nentin' i Esao ny vadiny sy ny zananilahy sy ny zananivavy sy ny olona rehetra tao an-tranony sy ny omby aman' ondriny sy ny biby fiompiny rehetra, mbamin' ny fananany rehetra izay efa nohariny tany amin' ny tany Kanana, ka dia lasa nankany amin' izay tany hialana eo anatrehan' i Jakoba rahalahiny. **7** Fa samy be loatra ny haren' izy mirahalahy, ka tsy mba nahazo niray monina izy; ary tsy omby azy ny tany fivahiniany, noho ny omby aman ondriny. **8** Koa nonina tany an-tendrombohitra Seïra Esao. (Edoma izany). **9** Ary izao no taranak' i Esao, rain' ny Edomita any an-tendrombohitra Seïra: **10** Ny anaran' ny zanakalahin' i Esao dia izao: Elifaza, zanak' i Ada, vadin' i Esao, sy Regoela, zanak' i Basemata, vadin' i Esao. **11** Ary ny zanakalahin' i Elifaza dia Temana sy Omara sy Zefo sy Gatama ary Kenaza. **12** Ary Timna no vaditsindranon' i Elifaza, zanakalahin' i Esao; ary niteraka an' i Amaleka tamin' i Elifaza izy. Ireo no zanakalahin' i Ada, vadin' i Esao. **13** Ary izao no zanakalahin' i Regoela: Nahata sy Zera sy Sama ary Miza; ireo no zanakalahin' i Basemata, vadin' i Esao. **14** Ary izao no zanakalahin' i Oholibama, zanakavavin' i Ana, zanakavavin' i Zibona, vadin' i Esao: niteraka an' i Jeosy sy Jalama ary Kora tamin' i Esao izy. **15** Izao no loham-pirenena tamin' ny taranak' i Esao: ny zanakalahin' i Elifaza, lahimatoan' i Esao, dia Temana loham-pireneny sy Omara loham-pireneny sy Zefo loham-pireneny sy Kenaza loham-pireneny **16** sy Kora loham-pireneny sy Gatama loham-pireneny ary Amaleka loham-pireneny. Ireo no loham-pireneny avy tamin' i Elifaza tany amin' ny tany Edoma; ireo no zanak' i Ada. **17** Ary izao no zanakalahin' i Regoela, zanak' i Esao: Nahata loham-pireneny sy Zera loham-pireneny sy Sama loham-pireneny sy Miza loham-pireneny. Ireo no loham-pirenena avy tamin' i Regoela tany amin' ny tany Edoma; ireo no zanak' i Basemata, vadin' i Esao. **18** Ary izao no zanakalahin' i Oholibama, vadin' i Esao: Jeosy loham-pireneny sy Jalama loham-pireneny sy Kora loham-pireneny. Ireo no loham-pirenena avy tamin' i Oholibama, zanakavavin' i Ana, vadin' i Esao. **19** Ireo no zanak' i Esao, izay atao hoe koa Edoma, ary ireo no loham-pireneny. **20** Ary izao no zanakalahin' i Seïra Horita, izay nonina tany amin' ny tany: Lotana sy Sobala sy Zibona sy Ana **21** sy Disona sy Ezera ary Disana. Ireo no loham-pirenena tamin' ny Horita, dia ny taranak' i Seïra, tany amin' ny tany Edoma. **22** Ary ny zanakalahin' i Lotana dia Hory sy Hemana; ary Timna no anabavin' i Lotana. **23** Ary izao no zanakalahin' i Sobala: Alvana sy Manahata sy Ebala sy Sefo ary Onama. **24**

Ary izao no zanakalahin' i Zibona: Aia sy Ana (izany Ana izany ilay nahita ny ranomafana tany an-efitra, raha niandry ny borikin' i Zibona rainy izy). **25** Ary izao no zanak' i Ana: Disona sy Oholibama, zanakavavin' i Ana. **26** Ary izao no zanakalahin' i Disona: Hemdana sy Esbana sy Jitrana ary Kerana. **27** Ary izao no zanak' i Ezera: Bilana sy Zavana ary Akana. **28** Ary izao no zanak' i Disana: Oza sy Arana. **29** Ary izao no loham-pirenena tamin' ny Horita: Lotana loham-pireneny sy Sobala loham-pireneny sy Zibona loham-pireneny sy Ana loham-pireneny **30** sy Disona loham-pireneny sy Ezera loham-pireneny ary Disana loham-pireneny. Ireo no loham-pirenena tamin' ny Horita, dia ny loham-pireneny tany amin' ny tany Seïra. **31** Ary izao no mpanjaka izay nanjaka tany amin' ny tany Edoma, fony tsy mbola nisy mpanjaka nanjaka tamin' ny Zanak' Isiraely: **32** Nanjaka tany Edoma Bela, zanak' i Beora; ary Dinaba no anaran' ny tanànany. **33** Ary maty Bela, dia nanjaka nandimby azy Jobaba, zanak' i Zera avy tany Bozra. **34** Ary maty Jobaba, dia nanjaka nandimby azy Hosama avy tamin' ny tanin' ny Temanita. **35** Ary maty Hosama, dia nanjaka nandimby azy Hadada, zanak' i Bedada, izay namely ny Midianita tany amin' ny tany Moaba; ary Avita no anaran' ny tanànany. **36** Ary maty Hadada, dia nanjaka nandimby azy Samla avy tany Masreka. **37** Ary maty Samla, dia nanjaka nandimby azy Saoly avy tany Rehobota eo amoron' ny Ony. **38** Ary maty Saoly, dia nanjaka nandimby azy Bala-hanana, zanak' i Akbora. **39** Ary maty Bala-hanana, zanak' i Akbora; dia nanjaka nandimby azy Hadara; ary Pao no anaran' ny tanànany; ary ny anaran' ny vadiny dia Mehetabela, zanakavavin' i Matreda, zanakavavin' i Me-zahaba. **40** Ary izao no anaran' ny loham-pirenena tamin' ny taranak' i Esao, araka ny mpianakaviny, araka ny fonenany sy araka ny anarany: Timna loham-pireneny sy Alva loham-pireneny sy Jeteta loham-pireneny **41** sy Oholibama loham-pireneny sy Elaha loham-pireneny sy Pinona loham-pireneny **42** sy Kenaza loham-pireneny sy Temana loham-pireneny sy Mibzara loham-pireneny **43** sy Magdiela loham-pireneny ary Irama loham-pireneny. Ireo no loham-pirenena tamin' ny Edomita, araka ny fonenany, tany amin' ny taniny avy. Izany no Esao, rain' ny Edomita.

37 Ary Jakoba nonina tany amin' ny tany fivahinian' ny rainy, dia tany amin' ny tany Kanana. **2** Ary izao no tantaran' i Jakoba: Rehefa fito ambin' ny folo taona Josefa, dia niara-niandry ondry tamin' ny rahalahiny izy (fa mbola zaza izy), dia tamin' ny zanak' i Bila sy ny zanak' i Zilpa, vadin' i Jakoba rainy; ary Josefa nitati-bolana tamin-drainy. **3** Ary tian' Isiraely mihoatra noho ny zanany rehetra Josefa, satria zanaky ny fahanterany izy, ka nanaovany akanjo lava. **4** Ary nony hitan' ny rahalahiny fa Josefa no tian' ny rainy mihoatra noho izy mirahalahy avy, dia nankahala azy izy ka tsy nahazaka hanao teny tsara taminy. **5** Ary nanonofy Josefa, ka nambarany tamin' ireo rahalahiny; dia vao mainka nankahalany azy izany. **6** Fa efa nilaza taminy hoe izy: Mba henoy kely ange izao nofy izao: **7** Indro, namehy amboara tany an-tsaha isika, ary, indro, niarina ny amboarako sady nijoro; ary, indreo, nilahatra manodidina kosa ny amboaranareo ka niankohoka teo anatrehan' ny amboarako. **8** Ary hoy ny rahalahiny taminy: Moa hanjaka aminay tokoa va ianao? na hanapaka anay tokoa va ianao? Ary izany nofiny sy teniny izany dia vao mainka nankahalany azy. **9** Ary nanonofy indray izy ka nolazainy tamin' ny rahalahiny; dia hoy izy: Indro, nanonofy indray aho; ary, indreo, ny masoandro sy ny volana ary ny kintana iraika ambin' ny folo niankohoka teo anatrehako. **10** Ary nambarany tamin' ny rainy sy ireo rahalahiny koa izany; dia niteny mafy azy ny rainy ka nanao taminy hoe: Manao ahoana izany nofy efa nonofisinao izany? Moa ho avy tokoa va aho sy ny reninao ary ny rahalahinao ka hiankohoka amin' ny tany eo anatrehanao? **11** Dia nialona azy ny rahalahiny; fa ny rainy kosa nitadidy izany zavatra izany. **12** Ary lasa ny rahalahiny niandry ny ondrin' ny rainy tany Sekema. **13** Ary hoy Isiraely tamin' i Josefa: Tsy miandry ondry any Sekema va ny rahalahinao? Avia mba hirahiko hankany aminy ianao. Ary hoy izy taminy: Inty Aho. **14** Ary hoy ny rainy taminy: Masìna ianao, andeha, izahao na tsara ihany ny rahalahinao sy ny ondry aman' osy, na manao ahoana; ka miverena hilaza amiko. Dia nirahiny hiala avy teo amin' ny lohasahan' i Hebrona izy, dia nankany Sekema. **15** Ary nisy lehilahy nahita azy, fa, indro, nirenireny tany an-tsaha izy; dia nanontany azy ralehilahy ka nanao hoe: Inona moa notadiavinao? **16** Dia hoy kosa izy: Ny rahalahiko no tadiaviko; koa masìna ianao, mba lazao amiko izay iandrasany ondry. **17** Ary hoy ralehilahy: Efa nifindra niala teto izy: fa efa reko izy niresaka hoe: Andeha isika hankany Dotana. Dia lasa Josefa nanaraka ny rahalahiny ka nahita azy tany Dotana. **18** Ary nahatazana azy eny lavidavitra eny ny rahalahiny; koa raha tsy mbola nanakaiky azy Josefa, dia niray tetika hamono azy izy. **19** Dia niresaka hoe izy: Indro, tamy ilay mpanonofy. **20** Koa ankehitriny, andeha hovonointsika izy ka hatsipintsika ao anatin' ny anankiray amin' ireto lavaka ireto; ary dia aoka holazaintsika hoe: Efa lanin' ny biby masiaka izy; dia ho hitantsika amin' izany na hanao ahoana ny nofiny. **21** Ary Robena nandre izany, dia namonjy azy tamin' ny tànany ka nanao hoe: Aza dia mamono ny ainy isika. **22** Ary hoy koa Robena taminy: Aoka tsy handatsa-drà ianareo; atsipazo ao anatin' io lavaka etỳ an-efitra io izy, fa aza misy maninji-tanana aminy ianareo, mba hamonjeny azy amin' ny tanan' ny rahalahiny hitondrany azy any amin' ny rainy indray. **23** Ary rehefa tonga teo amin' ny rahalahiny Josefa, dia nendahany ny akanjony, dia ilay akanjo lava teny aminy; **24** dia nobetainy izy ka natsipiny tao an-davaka; ary maina ny lavaka tamin' izay, fa tsy nisy rano tao. **25** Ary nipetraka nihinan-kanina izy ireo, ary sendra nanopy ny masony ka nahatazana fa, indreo, nisy Isimaelita niara-dia, avy tany Gileada, ary ny ramevany nitondra ditin-kazo, dia nekota sy balsama ary lota, izay nentiny hidina any Egypta. **26** Ary hoy Joda tamin' ny rahalahiny: Inona no soa ho azontsika, raha hamono ny rahalahintsika sy hanafina ny rànỳ isika? **27** Andeha hamidintsika amin' ireo Isimaelita ireo izy, ary aoka tsy haninona azy ny tanantsika; fa rahalahintsika sy nofontsika ihany izy. Dia nanaiky ny rahalahiny. **28** Ary raha nandalo teo ny Midianita mpandranto, dia nakarin' ny

rahalahiny niala tao an-davaka Josefa ka namidiny sekely volafotsy roa-polo tamin' ny Isimaelita; ary dia nitondra an' i Josefa ho any Egypta ireo. **29** Dia niverina nankeo amin' ny lavaka Robena, ka, indro, tsy tao an-davaka intsony Josefa; dia nandriatra ny fitafiany izy. **30** Dia niverina nankeo amin' ny rahalahiny izy ka nanao hoe: Tsy ao ny zaza, ary izaho, aiza no halehako? **31** Ary nalain' ireo rahalahiny ilay akanjon' i Josefa, dia namono zanak' osy izy, ka natsobony tamin' ny rà ny akanjo. **32** Dia nampanateriny ho any amin' ny rainy ilay akanjo, sady hoy no filazany azy: Ity no efa hitanay; koa fantaro na akanjon' ny zanakao ity, na tsia? **33** Dia fantany, ka hoy izy: Akanjon' ny zanako io: efa lanin' ny biby masiaka izy; voaviravira tokoa Josefa. **34** Ary Jakoba dia nandriatra ny fitafiany ka nisikina lamba fisaonana tamin' ny valahany; ary nisaona ny zanany andro maro. **35** Dia avy ny zananilahy rehetra sy ny zananivavy rehetra mba hampionona azy, fa tsy nety nampiononina izy, fa hoy izy; Tsia, fa hidina misaona ho any amin' ny zanako any amin' ny fiainan-tsi-hita aho. Ary dia mbola nitomany azy ny rainy. **(Sheol h7585)** **36** Ary ny Midianita nivarotra an' i Josefa tany Egypta tamin' i Potifara, tandapan' i Farao sady mpifehy ny mpiambina.

38 Ary tamin' izany andro izany Joda dia nidina niala teo amin' ny rahalahiny ka lasa nanatona ny lehilahy Adolamita anankiray. Hira no anarany. **2** Ary teo no nahitan' i Joda ny zanakavavin' i Soa, lehilahy Kananita anankiray; dia naka azy izy ka nanambady azy. **3** Dia nanan' anaka ravehivavy ka niteraka zazalahy; ary ny anarany nataony hoe Era. **4** Dia nanan' anaka indray izy ka niteraka zazalahy; ary ny anarany nataony hoe Onana. **5** Dia nanan' anaka indray koa izy ka niteraka zazalahy; ary ny anarany nataony hoe Sela; ary Joda nitoetra tany Keziba tamin' ny niterahan' ny vadiny an' i Sela. **6** Ary Joda naka vady ho an' i Era lahimatoany, Tamara no anarany. **7** Fa ratsy fanahy teo imason' i Jehovah Era, lahimatoan' i Joda; dia novonoin' i Jehovah izy. **8** Ary hoy Joda tamin' i Onana: Vadio ny vadin' ny rahalahinao, ka ento loloha izy, dia velomy maso ny rahalahinao. **9** Ary fantatr' i Onana fa tsy ho azy tsinona ny zaza; koa raha nandry tamin' ny vadin' ny rahalahiny izy, dia nandraraka tamin' ny tany mba tsy hiterahany zanaka ho an' ny rahalahiny. **10** Ary ratsy teo imason' i Jehovah izay nataony; ka dia novonoiny koa izy. **11** Ary hoy Joda tamin' i Tamara vinantoni-vavy: Tomoera ho mpitondratena ao an-tranon-drainao mandra-pahalehiben' i Sela zanako-lahy (fa hoy izy: Fandrao maty koa tahaka ny rahalahiny izy); dia nandeha Tamara ka nitoetra tao an-tranon-drainy. **12** Ary rehefa ela, dia maty ny vadin' i Joda, dia ilay zanakavavin' i Soa; ary rehefa nionona ny alahelon' i Joda, dia niakatra tany amin' ny mpanety ondriny tany Timna izy sy Hira Adolamita sakaizany. **13** Dia nisy nanambara tamin' i Tamara hoe Indro, ny rafozanao miakatra ho any Timna hanety ny ondriny. **14** Ary nanaisotra ny akanjony fanaon' ny mpitondratena izy, dia nisarona fisalobonana ka nisalobona, dia nipetraka teo am-bavahadin' i Enaima, izay eo amin' ny lalana mankany Timna; satria efa hitan' i Tamara fa efa lehibe Sela, nefa tsy mbola nomen' i Joda ho vadin' i Sela izy. **15** Ary hitan' i Joda izy ka nataony fa vehivavy janga, satria efa nanarona ny tavany izy. **16** Dia nivily nanatona azy teo amoron-dalana Joda ka nanao hoe: Aoka mba handry aminao aho (fa tsy fantany ho vinantony izy); dia hoy kosa ravehivavy: Inona ary no homenao ahy, raha handry amiko ianao? **17** Dia hoy izy: Hampanatitra zanak' osy avy amin' ny ondry aman' osy aho. Fa hoy kosa ravehivavy: Hanome fampitanana va ianao mandra-pampanatitrao azy? **18** Ary hoy izy: Inona no fampitanana homeko anao? Ary hoy ravehivavy: Ny fanombohan-kasenao sy ny kofehinao ary iny tehinao eny an-tananao iny. Ary nomeny azy ireny, dia nandry taminy izy, ka nanan' anaka taminy ravehivavy. **19** Ary niainga ravehivavy ka lasa nandeha, dia nanala ny fisalobonana izay notafiny ka niakanjo ny akanjony fanaon' ny mpitondratena indray. **20** Dia nampitondrain' i Joda ilay Adolamita sakaizany ny zanak' osy, hangalany ilay fampitanana amin-dravehivavy; kanjo tsy hitany izy. **21** Dia nanontany ny olona teo amin' ny fonenan-dravehivavy izy ka nanao hoe: Aiza moa ilay vehivavy janga izay tamoron-dalana teo Enaima? Fa hoy ny olona: Tsy nisy vehivavy janga teo. **22** Dia niverina tany amin' i Joda izy ka nanao hoe: Tsy nahita azy aho; ary nolazain' ny olona tompon-tany fa tsy nisy vehivavy janga teo. **23** Dia hoy Joda: Aoka ho lasany ho azy, fandrao ho afa-baraka isika; indro, efa nampanateriko ity zanak' osy ity, nefa ianao tsy nahita an-dravehivavy. **24** Ary rehefa afaka tokony ho telo volana, dia nisy nanambara tamin' i Joda hoe: Efa nijangajanga Tamara vinantovavinao; ka indro, efa manan' anaka tamin' ny fijangajangana izy. Dia hoy Joda: Avoahy izy hodorana. **25** Ary rehefa navoaka izy, dia naniraka tany amin' ny rafozany ka nanao hoe: Ny lehilahy izay tompon' ireto no nananako anaka; ary hoy koa izy: Masìna ianao, fantaro izay tompon' ireto fanombohan-kase sy kofehy ary tehina ireto. **26** Dia nahafantatra ireo Joda ka nanao hoe: Marina noho izaho izy, satria tsy nomeko ho vadin' i Sela zanako. Dia tsy nandry taminy intsony izy. **27** Ary tamin' ny andro niterahany, indro, nisy zaza kambana tao an-kibony. **28** Ary raha niteraka izy, dia niseho ny tanan' ny anankiray, ary naka kofehy mena ny mpampivelona, ka nafehiny tamin' ny tànany, sady hoy izy: Ity no niseho voalohany. **29** Ary rehefa nahemony ny tànany, dia, indro, teraka ny rahalahiny; ary hoy ny mpampivelona: Ahoana no nibosesehanao? dia nataony hoe Fareza no anarany. **30** Ary rehefa afaka izany, dia teraka koa ny rahalahiny, izay nisy ilay kofehy mena tamin' ny tànany; dia nataony hoe Zera no anarany.

39 Ary Josefa nentina nidina ho any Egypta; ary Potifara, lehilahy Egyptiana, tandapan' i Farao sady mpifehy ny mpiambina, no nividy azy tamin' ny Isimaelita, izay nitondra azy nidina tany. **2** Ary Jehovah nomba an' i Josefa, dia lehilahy nambinina izy; ary nitoetra tao an-tranon' ilay Egyptiana tompony izy. **3** Ary hitan' ny tompony fa nomban' i Jehovah izy, ka izay rehetra nataony dia nambinin' i Jehovah avokoa teo aminy. **4** Ary Josefa nahita fitia teo imason' ny tompony, ka dia nanompo azy; dia notendreny ho mpikarakara ny tao an-tranony, ary izay rehetra nananany dia natolony ho andraikiny. **5** Ary

hatramin' izay nanendreny azy ho mpikarakara ny tao an-tranony mbamin' izay rehetra nananany dia notahin' i Jehovah ny tranon' ilay Egyptiana noho ny amin' i Josefa; ary ny fitahian' i Jehovah nomba izay rehetra nananany, na ny tao an-trano, na ny tany an-tsaha. **6** Dia navelany ho andraikitr' i Josefa izay rehetra nananany; ary izy tsy nihevitra intsony izay rehetra nananany na inona na inona afa-tsy ny hanin-kohaniny ihany. Ary Josefa dia bikàna sady tsara tarehy. **7** Ary taorian' izany ny vadin' ny tompony nanopy ny masony hijery an' i Josefa ka nanao hoe: Avia handry amiko. **8** Dia nandà izy ka nanao tamin' ny vadin' ny tompony hoe: Indro, ny tompoko tsy mahalala izay tandremako ato an-trano, fa izay rehetra ananany dia efa natolony ho andraikitro avokoa. **9** Tsy misy lehibe noho izaho raha amin' ity trano ity, ary tsy misy zavatra narovany amiko afa-tsy ianao ihany, satria vadiny ianao; koa hataoko ahoana no hanao izany, ratsy lehibe izany ka hanota amin' Andriamanitra? **10** Ary na dia niteny tamin' i Josefa isan' andro aza ravehivavy, dia tsy nety nanaiky azy handry aminy izy na hiara-mitoetra aminy. **11** Ary tamin' ny indray andro dia niditra tao an-trano Josefa hanao ny raharahany; ary sendra tsy nisy mpanompo tao an-trano tamin' izay. **12** Dia nisambotra azy tamin' ny akanjony ravehivavy ka nanao hoe: Avia handry amiko; fa navelan' i Josefa teo an-tànany ny akanjony, dia nandositra izy ka nivoaka teny ala-trano. **13** Ary rehefa hitan-dravehivavy fa navelany teo an-tànany ny akanjony, sady lasa nandositra any ala-trano izy, **14** dia niantso ny mpanompo izy ka nilaza taminy hoe: Indro, efa nampiditra lehilahy Hebreo tato amintsika hisangy antsika izy; nanatona ahy mba handry amiko iny, dia niantso tamin' ny feo mahery aho; **15** ary nony reny fa nanandratra ny feoko aho ka niantso, dia navelany teto anilako ny akanjony, ary nandositra iny ka lasa any ala-trano. **16** Dia napetra-dravehivavy teo anilany ny akanjon' i Josefa, mandra-pahatongan' ny tompony tao an-trano. **17** Dia nilaza taminy izy araka ireo teny ireo ka nanao hoe: Nanatona ahy ilay andevolahy Hebreo, izay nentinao ho eto amintsika, mba hisangy ahy; **18** ary rehefa nanandratra ny feoko aho ka niantso, dia navelany eto anilako ny akanjony, ka lasa nandositra any ala-trano izy. **19** Ary rehefa ren' ny tompony ny tenin' ny vadiny, izay niteny taminy ka nanao hoe: Araka ireo teny ireo no nataon' ilay andevolahinao tamiko, dia nirehitra ny fahatezerany. **20** Ary ny tompon' i Josefa dia naka azy ka nanao azy tao an-trano-maizina, izay fitoeran' ny mpifatotra diso tamin' ny mpanjaka; dia nitoetra tao an-trano-maizina izy. **21** Nefa Jehovah nomba an' i Josefa sy namindra fo taminy ka nampahita fitia azy teo imason' ny mpitandrina ny trano-maizina. **22** Dia natolotry ny mpitandrina ny trano-maizina ho andraikitr' i Josefa ny mpifatotra rehetra izay tao an-trano-maizina; ary izay rehetra nataony tao dia izy no antony. **23** Ny mpitandrina ny trano-maizina tsy mba nikarakara na inona na inona izay efa mby an-tànany, satria Jehovah nomba an' i Josefa, ary izay nataony dia nambinin' i Jehovah.

40 Ary taorian' izany ny mpitondra kapoakan' ny mpanjakan' i Egypta sy ny mpanao mofony dia diso tamin' ny mpanjakan' i Egypta tompony. **2** Ary tezitra indrindra tamin' ireo tandapany roa lahy ireo Farao, dia tamin' ny lehiben' ny mpitondra kapoaka sy ny lehiben' ny mpanao mofo. **3** Dia nataony tao an-trano-maizina izy roa lahy, tao an-tranon' ny mpifehy ny mpiambina, tao anatin' ny trano-maizina izay nifatoran' i Josefa. **4** Ary Josefa notendren' ny mpifehy ny mpiambina ho eo amin' izy roa lahy, dia nanompo ireo izy; ary nitoetra andro maromaro tao amin' ny trano-maizina izy roa lahy. **5** Ary nanonofy izy roa lahy indray alina, dia ilay mpitondra kapoaka sy ilay mpanao mofon' ny mpanjakan' i Egypta, izay nifatotra tao amin' ny trano-maizina, ka samy nanana ny nofiny araka ny hevitry ny nofiny avy. **6** Ary Josefa nankao aminy nony maraina ny andro ka nahita azy, fa, indreo, nalahelo tarehy izy. **7** Dia nanontanian' i Josefa ny tandapan' i Farao izay niara-nifatotra taminy tao an-tranon' ny tompony, ka hoy izy: Nahoana no malahelo tarehy izato ianareo ankehitriny? **8** Ary hoy izy roa lahy taminy: Nanonofy izahay, ka tsy misy mahalaza ny heviny. Dia hoy Josefa taminy: Tsy avy amin' Andriamanitra va ny filazana ny hevitry ny nofy? Masìna ianareo, lazao amiko izany. **9** Dia nambaran' ny lehiben' ny mpitondra kapoaka tamin' i Josefa ny nofiny, ka hoy izy taminy: Nofiko fa indro, hono, nisy tahom-boaloboka teo anatrehako; **10** ary ilay tahom-boaloboka nisampana telo, ka nony nitsimoka izy, dia niposaka ny voniny, ary ny sampahony nahavanona voaloboka masaka. **11** Ary teny an-tanako ny kapoakan' i Farao; dia nalaiko ny voaloboka ka nofiazako ho ao amin' ny kapoakan' i Farao, dia natolotro teo an-tànan' i Farao ny Kapoaka. **12** Ary hoy Josefa taminy: Izao no heviny: Ny sampany telo dia hateloana. **13** Ato anatin' ny hateloana dia hasandratr' i Farao ianao ka hampodiny ho ao amin' ilay nipetrahanao; dia hanolotra ny kapoakan' i Farao ho eo an-tanany ianao tahaka ilay fanao fahiny, fony ianao mpitondra kapoakany. **14** Fa mba tsarovy aho, rehefa mahita soa ianao, ka trarantitra ianao, iantrao aho, dia lazao amin' i Farao aho, ka avoahy amin' ity trano ity; **15** fa nangalarina mihitsy avy tany amin' ny tanin' ny Hebreo aho, ary atỳ koa tsy mba nanao izay tokony ho nanaovany ahy eto amin' ity lavaka ity aho. **16** Ary rehefa hitan' ny lehiben' ny mpanao mofo fa tsara ny filazana ny hevitry ny nofy, dia hoy izy tamin' i Josefa: Izaho koa nanonofy, ka, indro, niloloha karaba telo feno mofo fotsy aho; **17** ary teo anatin' ny karaba ambony indrindra dia nisy ny fihinan' i Farao samy hafa karazana rehetra fanaon' ny mpanao mofo; ary nohanin' ny vorona teo anatin' ny karaba izay nololohaviko izany. **18** Dia namaly Josefa ka nanao hoe: Izao kosa no heviny. Ny karaba telo dia hateloana. **19** Ato anatin' ny hateloana dia hasandratr' i Farao ho afaka aminao ny lohanao, (ka hahantony amin' ny hazo ianao) dia hohanin' ny vorona ny nofonao. **20** Ary tamin' ny andro fahatelo, izay niherenan' ny taona nahaterahan' i Farao, dia nanao fanasana ho an' ny mpanompony rehetra izy; dia nasandrany ny lohan' ny lehiben' ny mpitondra kapoaka sy ny lohan' ny lehiben' ny mpanao mofo teo amin' ny mpanompony. **21** Ary ny lehiben' ny mpitondra kapoaka dia nampodiny tamin' ny fitondrany kapoaka indray, ka dia nanolotra ny kapoaka ho eo an-tànan' i Farao izy; **22** fa

ny lehiben' ny mpanao mofo kosa dia nahantony, araka izay efa nolazain' i Josefa tamin' izy roa lahy avy. **23** Kanjo tsy mba nahatsiaro an' i Josefa ilay lehiben' ny mpitondra kapoaka, fa nanadino azy.

41 Ary rehefa afaka roa taona mipaka, dia nanonofy Farao, fa, indro, nitsangana teo amoron' i Neily izy. **2** Koa, indreo, nisy ombivavy fito tsara tarehy sady matavy niakatra avy teo Neily ka nihinana teny amin' ny bararata. **3** Ary indreo, nisy ombivavy fito hafa kosa ratsy tarehy sady mahia niakatra avy teo Neily nanaraka azy, ka dia nijanona teo anilan' ireo ombivavy teo amoron' i Neily. **4** Ary ireo ombivavy ratsy tarehy sady mahia nihinana ireo ombivavy fito tsara tarehy sady matavy. Dia nahatsiaro Farao. **5** Ary natory indray izy ka nanonofy fanindroany; ary, indro, nisy salohim-bary fito niseho tamin' ny tahony iray, sady vokatra no tsara. **6** Ary, indreo kosa, nisy salohim-bary fito maivam-boa sady main' ny rivotra avy any atsinanana, niseho nanaraka ireny. **7** Ary ny salohim-bary maivam-boa nitelina ny salohim-vary fito vokatra sy be voa. Dia nahatsiaro Farao, koa indro fa nofy ihany izany. **8** Ary nony maraina, dia nitebiteby ny fanahiny, ka dia naniraka nampaka ny ombiasy rehetra tao Egypta sy ny olon-kendry rehetra tao izy; ary nambaran' i Farao tamin' ireny ny nofiny, kanjo tsy nisy na dia iray aza nahalaza izay heviny tamin' i Farao. **9** Dia niteny tamin' i Farao ilay lehiben' ny mpitondra kapoaka ka nanao hoe: Tsaroako izao ny fahadisoako: **10** Farao dia tezitra tamin' ny mpanompony ka nanao ahy tao an-trano-maizina tao anatin' ny tranon' ny mpifehy ny mpiambina, dia izaho sy ilay lehiben' ny mpanao mofo. **11** Ary nanonofy izahay indray alina, dia izaho sy izy; samy nanonofy araka ny hevitry ny nofinay avy izahay. **12** Ary tao aminay dia nisy zatovo Hebreo anankiray, mpanompon' ny mpifehy ny mpiambina; dia nambaranay taminy ny nofinay, ka nolazainy taminay ny heviny; samy nilazany araka ny nofinay avy izahay. **13** Ary samy tonga araka izay efa nolazainy taminay indrindra izany: izaho nampodiny ho ao amin' ilay nipetrahako, fa izy kosa nahantony. **14** Dia naniraka Farao ka nampaka an' i Josefa, dia nalaina faingana niala tao an-davaka izy; ary nanaratra ny volom-bavany sy niova fitafiana izy, dia nankany amin' i Farao. **15** Ary hoy Farao tamin' i Josefa: Nanonofy aho, koa tsy misy mahalaza ny heviny; ary izaho nahare fa ianao, hono, raha mandre nofy, dia mahalaza ny heviny. **16** Ary Josefa dia namaly an' i Farao ka nanao hoe: Tsy ahy izany; Andriamanitra no hilaza izay valiny hiadanan' i Farao. **17** Ary hoy Farao tamin' i Josefa: Nofiko fa indro, hono, nitsangana teo amoron' i Neily aho; **18** koa, indreo, nisy ombivavy fito matavy sady tsara tarehy niakatra avy teo Neily; ary nihinana teny amin' ny bararata ireny. **19** Ary, indreo, nisy ombivavy fito hafa koa niakatra nanaraka ireny, mihozohozo sady ratsy tarehy indrindra no mahia, ka tsy mbola hitako izay ratsy toa azy teto amin' ny tany Egypta rehetra. **20** Ary ireo ombivavy fito mahia sady ratsy tarehy dia nihinana ireo ombivavy fito matavy izay nialoha azy. **21** Ary rehefa nihinana azy izy, dia tsy fantatra akory fa efa mby ao an-kibony ireny; fa mbola ratsy tarehy tahaka ny tamin' ny fahiny ihany izy. Dia nahatsiaro aho. **22** Ary hitako tamin' ny nofiko indray, ka, indreo nisy salohim-bary fito niseho tamin' ny tahony iray, sady vokatra no tsara; **23** ary, indreo kosa, nisy salohim-bary fito sady malazo no maivam-boa, main' ny rivotra avy any atsinanana, niseho nanaraka ireny; **24** ary ny salohim-bary maivam-boa dia nitelina ny salohim-bary fito vokatra. Ary nolazaiko tamin' ny ombiasy izany, nefa tsy nisy nahalaza ny heviny tamiko. **25** Ary hoy Josefa tamin' i Farao: Ny nofin' i Farao dia iray ihany; izay efa hataon' Andriamanitra no nambarany tamin' i Farao. **26** Ny ombivavy fito tsara tarehy dia fito taona; ary ny salohim-bary fito vokatra koa dia fito taona; iray ihany ny nofy. **27** Ary ny ombivavy fito mahia sady ratsy tarehy, izay niakatra nanaraka ireny, dia fito taona; ary ny salohim-bary fito tsy nisy voa sady main' ny rivotra avy any atsinanana, dia ho fito taona mosarena. **28** Izany dia ilay efa nolazaiko tamin' i Farao teo hoe: Izay efa hataon' Andriamanitra no asehony amin' i Farao. **29** Indro, hisy fito taona zina indrindra eran' ny tany Egypta rehetra; **30** ary manaraka izany kosa dia hisy fito taona mosarena, ka ho hadino ny fahavokarana be rehetra teo amin' ny tany Egypta ary ho ritry ny mosary ny tany; **31** ary ny fahavokarana eo amin' ny tany tsy ho fantatra noho izany mosary manaraka azy izany; fa ho mafy indrindra izany. **32** Ary naverina indroa ny nofin' i Farao, satria efa voatendrin' Andriamanitra izany zavatra izany ka hotanterahin' Andriamanitra faingana. **33** Koa ankehitriny aoka Farao hizaha lehilahy manan-tsaina sady hendry ka hanendry azy hanapaka ny tany Egypta. **34** Aoka hanao izany Farao, ary aoka izy hanendry mpikarakara hitandrina ny tany sy hamory ny ampahadimin' ny vokatry ny tany Egypta amin' ny taon-jina fito. **35** Ary aoka izy ireo hanangona ny hanina rehetra amin' ireo taona tsara ho avy ireo ka hamory vary be amin' ny anaran' i Farao ho fihinana any amin' ny tanana maro, ka aoka hitahiry izany izy **36** Ary aoka izany hanina izany hotehirizina ao amin' ny tany ho amin' ny fito taona mosarena, izay ho tonga amin' ny tany Egypta, mba tsy ho simban' ny mosary ny tany. **37** Ary sitrak' i Farao sy ny mpanompony rehetra izany hevitra izany. **38** Dia hoy Farao tamin' ny mpanompony: Hahita lehilahy tahaka io, izay manana ny Fanahin' Andriamanitra ao anatiny, va isika? **39** Ary hoy koa Farao tamin' i Josefa: Satria efa nampahafantarin' Andriamanitra anao izany rehetra izany, dia tsy misy lehilahy manan-tsaina sady hendry tahaka anao; **40** koa ianao no hanapaka ny ato an-tranoko, ary araka ny teninao no hitondrana ny oloko rehetra; ny seza fiandrianana ihany no hahalehibe ahy noho ianao. **41** Ary hoy indray Farao tamin' i Josefa: Indro, efa nanendry anao hanapaka ny tany Egypta rehetra aho. **42** Dia nesorin' i Farao ny peratra tamin' ny tanany ka nataony tamin' ny tànan' i Josefa, dia nampitafiny rongony fotsy madinika izy, ary nasiany rojo volamena ny vozony; **43** dia nampitaingeniny teo anatin' ny kalesiny faharoa izy, ary ny vahoaka niantso teo alohany nanao hoe: Mandohaleha; ary notendreny ho mpanapaka ny tany Egypta rehetra izy. **44** Ary hoy Farao tamin' i Josefa: Izaho no Farao, ary raha tsy teninao, dia tsy hisy olona hanetsika ny tànany na ny tongony eto amin' ny tany Egypta rehetra. **45** Ary nataon' i

Farao hoe Zafenata-panea no anaran' i Josefa; dia nomeny azy Asenata, zanakavavin' i Poti-fera, mpisorona tao Ona, ho vadiny. Ary Josefa nandeha nitety ny tany Egypta. **46** Ary efa telo-polo taona Josefa, raha niseho teo anatrehan' i Farao, mpanjakan' i Egypta. Dia niala teo anatrehan' i Farao Josefa ka nandeha nitety ny tany Egypta rehetra. **47** Ary ny tany dia nahavokatra tsy omby fàmpana tamin' ny taon-jina fito. **48** Dia namory ny hanina rehetra tamin' izany fito taona izany teo amin' ny tany Egypta izy ka nitahiry izany tao amin' ny tanàna rehetra: ny vokatry ny saha manodidina ny isan-tanàna dia notehiriziny tao anatin' ny tanàna. **49** Ary Josefa namory vary tahaka ny fasika any an-dranomasina, eny, be indrindra, ka tsy nanisa intsony izy, satria efa tsy hita isa. **50** Ary nisy zazalahy roa naterak' i Asenata, zanakavavin' i Poti-fera, mpisorona tao Ona, tamin' i Josefa, raha tsy mbola tonga ny taona mosarena. **51** Ary ny anaran' ny lahimatoa dia nataon' i Josefa hoe Manase; fa hoy izy: Andriamanitra efa nampanadino ahy ny fahoriako rehetra sy izay rehetra tao an-tranon' ny raiko. **52** Ary ny anaran' ny zandriny kosa nataony hoe Efraima; fa hoy izy: Andriamanitra efa nahamaro ahy teto amin' ny tanin' ny fahoriako. **53** Ary tapitra ny taon-jina fito teo amin' ny tany Egypta; **54** dia niandoha kosa ny fito taona mosarena, araka izay efa nolazain' i Josefa; ary nisy mosary tany amin' ny tany rehetra; nefa eran' ny tany Egypta rehetra dia mbola nisy hanina ihany. **55** Ary rehefa mosarena ny tany Egypta rehetra, dia nitaraina nangataka hanina tamin' i Farao ny olona; ary hoy Farao tamin' ny Egyptiana rehetra: Mankanesa any amin' i Josefa; ary izay holazainy aminareo dia ataovy. **56** Ary ny mosary dia tany amin' ny tany rehetra. Ary Josefa namoha ny trano fitehirizam-bary ka nivaro-bary tamin' ny Egyptiana. **57** Ary ny tany rehetra nankany Egypta ho any amin' i Josefa mba hividy vary; fa efa mafy ny mosary tany amin' ny tany rehetra.

42 Ary fantatr' i Jakoba fa nisy vary tany Egypta, dia hoy izy tamin' ny zananilahy: Nahoana no mifampijery foana ianareo? **2** Dia hoy koa izy: Indro, efa reko fa misy vary any Egypta; andeha midìna any ianareo, ka mividia ho antsika, mba ho velona isika, fa tsy ho faty. **3** Dia lasa nidina izy folo lahy rahalahin' i Josefa mba hividy vary tany Egypta. **4** Fa Benjamina, rahalahin' i Josefa, tsy mba nampandehanin' i Jakoba niaraka tamin' ny rahalahiny; fa hoy izy: Andrao hisy loza hanjo azy. **5** Dia tonga ny zanak' Isiraely mba hividy vary niaraka tamin' izay nankany; fa tratry ny mosary koa ny tany Kanana. **6** Ary Josefa no mpanapaka ny tany, sady izy no mpivaro-bary tamin' ny tompon-tany rehetra; ary tonga ny rahalahin' i Josefa ka niankohoka tamin' ny tany teo anatrehany. **7** Ary hitan' i Josefa ny rahalahiny, dia fantany ihany izy, nefa nody olon-kafa taminy izy ka niteny mafy taminy nanao hoe: Avy aiza ianareo? Ary hoy kosa izy: Avy any amin' ny tany Kanana izahay mba hividy hanina. **8** Ary fantatr' i Josefa ny rahalahiny, nefa izy ireo kosa tsy mba nahafantatra azy. **9** Ary Josefa nahatsiaro ireo nofy nanofisany azy ka nanao taminy hoe: Mpisafo ianareo; hizaha ny fangadihadin' ny tany no nahatongavanareo. **10** Fa hoy izy ireo taminy: Tsia, tompokolahy; fa tonga mba hividy hanina ny mpanomponao. **11** Zanaky ny lehilahy iray ihany izahay rehetra; olo-marina izahay, fa tsy mba mpisafo tsy akory ny mpanomponao. **12** Ary hoy izy taminy: Tsia, fa hizaha ny fangadihadin' ny tany no nahatongavanareo. **13** Fa hoy izy; Roa ambin' ny folo mirahalahy ny mpanomponao, zanaky ny lehilahy iray ihany any amin' ny tany Kanana; ary, indro, ny faralahy dia any amin' ny rainay ankehitriny, fa ny anankiray tsy ao intsony. **14** Ary hoy Josefa taminy: Ilay voalazako taminareo ihany hoe: Mpisafo ianareo no marina; **15** dia izao àry no hamantarana anareo: Raha velona koa Farao, tsy hiala atỳ ianareo, raha tsy tonga atỳ izany zandrinareo faralahy izany. **16** Iraho ny anankiray aminareo, ary aoka izy haka ny zandrinareo, fa ianareo hafatotra, mba hofantarina ny teninareo, na marina na tsia; fa raha tsy izany, raha velona koa Farao, dia mpisafo tokoa ianareo. **17** Dia nataony tao an-trano-maizina hateloana izy rehetra. **18** Ary nony tamin' ny andro fahatelo dia hoy Josefa taminy: Izao no ataovy, dia ho velona ianareo; fa izaho matahotra an' Andriamanitra: **19** Raha olo-marina ary ianareo, dia aoka ny anankiray aminareo mirahalahy avy no hafatotra ao amin' ny trano-maizina nitoeranareo; ary mandehana ianareo hitondra vary noho ny mosary any amin' ny tranonareo; **20** ary ny zandrinareo faralahy dia ento mankaty amiko; dia ho hita fa marina ny teninareo, ary tsy hovonoina ianareo. Ary nataony izany. **21** Dia niresaka hoe izy: Efa meloka tokoa isika noho ny amin' ny rahalahintsika, satria nahita ny fahorian' ny fanahiny isika, raha nitaraina tamintsika izy, nefa tsy mba nihaino isika; koa izany no nahatongavan' izao fahoriana izao amintsika. **22** Dia namaly azy Robena ka nanao hoe: Moa tsy niteny taminareo va aho ka nanao hoe: Aza manota amin' ny zaza? nefa tsy mba nihaino ianareo; koa indro fa adinina ny ràny izao. **23** Ary izy ireo tsy mba nahalala fa Josefa nahafantatra ny teniny, satria nisy mpandika teny niresahany taminy. **24** Ary Josefa dia nihodina niala teo aminy ka nitomany; ary niverina nankeo aminy indray izy ka niteny taminy, ary dia naka an' i Simeona teo aminy izy ka namatotra azy teo imasony. **25** Ary Josefa nanome teny hameno vary ny lasakany sady hamerina ny volan' ny isan-dahy ho ao anatin' ny lasakany avy ary hanome vatsy azy ho entiny eny an-dalana; dia nanao izany taminy izy. **26** Ary natainginy tamin' ny borikiny ny vary, dia lasa nandeha izy. **27** Ary raha nosokafan' ny anankiray ny lasakany hampihinanany ny borikiny teo amin' izay handriany, dia hitany ny volany; fa, indro, teo am-bavan' ny lasakany izany. **28** Dia hoy izy tamin' ireo rahalahiny: Naverina ny volako, ka, indro, eo anatin' ny lasakako izany; dia ketraka ny fony, ary nifampijery amin-tahotra izy ka niresaka hoe: Inona izao ataon' Andriamanitra amintsika izao? **29** Ary tonga tany amin' i Jakoba rainy, tany amin' ny tany Kanana izy, dia nambarany taminy izay rehetra efa nanjo azy, ka hoy izy: **30** Mafy ny teny nataon-dralehilahy, tompon' ny tany, taminay, fa nataony ho mpisafo ny tany izahay. **31** Ary hoy izahay taminy: Olo-marina izahay, fa tsy mba mpisafo tsy akory; **32** roa ambin' ny folo mirahalahy izahay no zanaky ny rainay; tsy ao intsony

ny anankiray, ary ny faralahy dia any amin' ny rainay any amin' ny tany Kanana ankehitriny. **33** Dia hoy ralehilahy, tompon' ny tany, taminay: Izao ary no hahafantarako fa olo-marina ianareo: ny anankiray aminareo mirahalahy avy dia avelao atỳ amiko, ka mitondra vary noho ny mosary any amin' ny tranonareo, dia mandehana; **34** ary ento mankaty amiko ny zandrinareo faralahy, dia ho fantatro fa tsy mba mpisafo ianareo, fa olo-marina; dia homeko anareo ny rahalahinareo, ka dia hanao varotra eto amin' ny tany ianareo. **35** Ary raha nandraraka izay tao anatin' ny lasakany izy ireo, dia, indro, ny volany am-ponosana samy teo anatin' ny lasakany avy; ary rehefa nahita ny volany am-ponosana izy sy ny rainy, dia samy raiki-tahotra. **36** Ary hoy Jakoba rainy taminy: Foananareo anaka aho: Josefa tsy eto intsony, Simeona koa tsy eto intsony, ary Benjamina indray halainareo; izaho ihany no ozoin' izany rehetra izany, **37** Ary Robena niteny tamin' ny rainy ka nanao hoe: Vonoy ny zanako roa lahy, raha tsy entiko miverina atỳ aminao izy; atolory eto an-tanako izy, dia izaho no hitondra azy mody ho atỳ aminao indray. **38** Ary hoy Jakoba: Tsy hidina hiaraka aminareo ny zanako; fa maty ny rahalahiny, ary izy irery ihany no sisa, ary raha hisy loza hanjo azy any amin' ny lalana izay halehanareo, dia hampidininareo any amin' ny fiainan-tsi-hita amin' alahelo ny volo fotsiko. **(Sheol h7585)**

43 Ary mafy ny mosary teo amin' ny tany. **2** Ary rehefa laniny ny vary izay efa nalainy tany Egypta, dia hoy ny rainy taminy: Mandehana indray, mividia hanina kely ho antsika. **3** Ary Joda niteny taminy ka nanao hoe: Efa nilaza mafy taminay ralehilahy ka nanao hoe: Tsy hahita ny tavako ianareo, raha tsy hiaraka aminareo ilay rahalahinareo. **4** Raha hampandehaninao hiaraka aminay ny rahalahinay, dia hidina izahay ka hividy hanina ho anao; **5** fa raha tsy hampandehaninao izy, dia tsy hidina izahay; fa hoy ralehilahy taminay: Tsy hahita ny tavako ianareo, raha tsy hiaraka aminareo ilay rahalahinareo. **6** Ary hoy Isiraely: Nahoana no dia nampidi-doza tamiko ianareo ka nanambara tamin-dralehilahy fa mbola nanan-drahalahy koa ianareo? **7** Ary hoy izy ireo: Nanadina dia nanadina ny amin' ny tenanay sy ny mpianakavinay ralehilahy ka nanao hoe: Mbola velona ihany va izay rainareo? ary manan-drahalahy hafa koa va ianareo? Dia nambaranay taminy araka izany teny izany; moa nampoizinay akory va izay hanaovany hoe: Ento midìna ny rahalahinareo? **8** Ary hoy Joda tamin' Isiraely rainy: Ampandehano hiaraka amiko ny zaza, dia hiainga izahay ka handeha, mba ho velona isika ka tsy ho faty, dia izahay sy ianao ary ny zanatsika madinika koa. **9** Izaho no hiantoka azy; amin' ny tanako no handraisanao azy; raha tsy ho entiko atỳ aminao ka hatolotro eto anatrehanao izy, dia ho meloka aminao amin' ny andro rehetra hiainako aho; **10** fa raha tsy nijanonjanona izahay, dia efa tafaverina fanindroany toy izay. **11** Ary hoy Isiraely rainy taminy: Raha izany ary no izy, dia izao no ataovy: analao ny vokatra malaza amin' ny tany ka ataovy ao anatin' ny fitondran-entanareo, dia ento midìna haterina ho an-dralehilahy, dia balsama kely sy tantely kely, ditin-kazo nekota sy lota sy pistakia ary amygdala; **12** ary mitondra vola toraka ny teo eny an-tananareo; ary ilay vola izay naverina teo am-bavan' ny lasakanareo dia ento miverina indray; angamba fahadisoana izany. **13** Ary ny rahalahinareo ento ihany; dia miainga ka miverena indray ho any amin-dralehilahy; **14** ary Andriamanitra Tsitoha anie hampahita famindram-po anareo eo anatrehan-dralehilahy, mba hampodiny ny rahalahinareo anankiray sy Benjamina. Ary izaho, raha foanana anaka aho, dia foana anaka ihany. **15** Dia nentin' ireo lehilahy ireo ny zavatra hateriny, ary vola indroa toraka ny teo koa no nentiny teny an-tànany mbamin' i Benjamina; ary niainga izy, dia nidina tany Egypta ka tonga teo anatrehan' i Josefa. **16** Ary Josefa, raha nahita an' i Benjamina niaraka taminy, dia nanao tamin' ny mpikarakara ny tao an-tranony hoe: Ampidiro atsy an-trano ireo lehilahy ireo, dia amonoy zavatra izy ka anaovy nahandro; fa hiara-mihinana amiko izy raha mitataovovonana ny andro. **17** Dia nataon-dralehilahy araka izay nandidian' i Josefa; ka nampidirin-dralehilahy tao an-tranon' i Josefa ireo. **18** Dia raiki-tahotra ireo lehilahy ireo, satria nampidirina tao an-tranon' i Josefa, ka hoy izy: Maintsy ilay vola naverina tao anatin' ny lasakantsika fahiny va no nampidirana antsika, hivarinany amintsika sy hianjerany amintsika! dia halainy ho andevo isika, ary halainy koa ny borikintsika. **19** Dia nanatona an-dralehilahy, mpikarakara ny tao an-tranon' i Josefa, izy ka niteny taminy teo am-baravaran' ny trano nanao hoe: **20** Mba henoy kely izahay, tompokolahy: nidina hividy hanina tokoa izahay fahiny: **21** ary rehefa tonga teo amin' izay nandrianay izahay, dia nosokafanay ny lasakanay, ka indreo ny volanay isan-dahy teo am-bavan' ny lasakanay avy, tonga lanja avokoa ny volanay; ary efa nentinay niverina eto an-tananay izany. **22** Ary nitondra vola hafa koa eto an-tananay izahay hamidy hanina: tsy fantatray izay nanao ny volanay tao anatin' ny lasakanay. **23** Ary hoy izy: Matokia ianareo, fa aza matahotra; Andriamanitrareo, dia Andriamanitry ny rainareo, no nanome anareo harena tao anatin' ny lasakanareo; ny volanareo dia efa tonga tatỳ amiko ihany. Dia namoaka an' i Simeona ho eo aminy izy. **24** Ary nampidirin-dralehilahy tao an-tranon' i Josefa ireo olona ireo ka nomeny rano, dia nanasa tongotra izy, ary ny borikiny nomeny hanina koa. **25** Dia nandamina ny zavatra hateriny izy mandra-pihavin' i Josefa rehefa mitataovovonana ny andro; fa efa reny fa eo no hihinanany hanina. **26** Ary rehefa tonga tao an-trano Josefa, dia nampidirin' izy mirahalahy avy ho ao an-trano mba hatolotra azy ireo zavatra efa nentiny, dia niankohoka tamin' ny tany teo anatrehany izy. **27** Ary Josefa nanontany ny toeny ka nanao hoe: Tsara ihany va ny rainareo, ilay lahy antitra nolazainareo? mbola velona ihany va izy? **28** Dia hoy izy: Tsara ihany ny mpanomponao rainay; mbola velona ihany izy. Dia niondrika izy ireo ka niankohoka. **29** Ary Josefa nanopy ny masony ka nahita an' i Benjamina rahalahiny, zanakalahin' ny reniny, dia hoy izy: Io va no zandrinareo faralahy, izay nolazainareo tamiko? Sady hoy koa izy: Andriamanitra anie hanisy soa anao, anaka **30** Dia niala faingana Josefa, fa nangorakoraka ny fony noho ny rahalahiny, ka nitady izay hitomaniany izy; dia niditra tao an-efi-trano izy ka nitomany tao. **31** Ary rehefa nanasa

ny tavany izy, dia nivoaka; ary nanindry ny fangorakoraky ny fony izy ka nanao hoe: Ento ny nahandro. **32** Dia narosony mitokana ny ho an' i Josefa, ary mitokana ny ho an' ny rahalahiny, ary mitokana koa ny ho an' ny Egyptiana izay nihinana teo aminy, satria ny Egyptiana tsy mahazo miara-komana amin' ny Hebreo, fa fahavetavetana amin' ny Egyptiana izany. **33** Dia nipetraka teo anatrehany izy, ny lahimatoa araka ny fizokiany, ary ny faralahy araka ny fizandriany; dia samy talanjona ka nifampijerijery izy. **34** Ary samy nitondrana anjara-hanina avy teo anoloan' i Josefa izy mirahalahy avy; kanefa ny anjara-hanin' i Benjamina dia indimy toraka ny anjaran-drery tamin' izy rehetra. Dia niara-nisotro sy nivoky divay teo aminy izy.

44 Ary Josefa nanome teny ny mpikarakara ny tao an-tranony ka nanao hoe: Fenoy hanina ny lasakan' ireo lehilahy ireo, araka izay zakany ho entina, ary ataovy eo am-bavan' ny lasakany avy ny volan' ny isan-dahy; **2** ary ny kapoakako, dia ilay kapoaka volafotsy, ataovy eo am-bavan' ny lasakan' ilay faralahy mbamin' ny vola hamidiny vary. Dia nataony araka ny teny izay nolazain' i Josefa. **3** Ary raha vao nazava ny andro, dia nampandehanina ireo lehilahy ireo, dia izy sy ny borikiny. **4** Ary rehefa tafavoaka ny tanàna izy ka tsy mbola lasan-davitra, dia hoy Josefa tamin' ny mpikarakara ny tao an-tranony: Andeha araho ireny lehilahy ireny; ary rehefa tratrao izy, dia ataovy aminy hoe: Nahoana ianareo namaly ratsy ny soa? **5** Tsy iny va no fisotroan' ny tompoko sy famantarany zavatra? ratsy izao nataonareo izao. **6** Dia nahatratra azy ralehilahy ka nilaza izany teny izany taminy. **7** Ary hoy izy ireo taminy: Nahoana itompokolahy no dia miteny toy izany? Sanatria amin' ny mpanomponao ny hanao zavatra toy izany. **8** Indro fa ny vola izay hitanay teo am-bavan' ny lasakanay aza naverinay indray tatỳ aminao avy tany amin' ny tany Kanana; ka hataonay ahoana no fangalatra volafotsy na volamena ao amin' ny tranon' ny tomponao? **9** Izay anankiray amin' ny mpanomponao hahitana izany, dia aoka hovonoina izy, ary izahay kosa dia ho andevon' itompokolahy. **10** Dia hoy izy: Aoka ary hatao araka ny teninareo: izay hahitana izany dia ho andevoko; fa ianareo tsy hanan-tsiny. **11** Ary samy nampidina faingana ny lasakany tamin' ny tany izy, ka samy nanokatra ny lasakany avy. **12** Dia nikaroka fatratra ralehilahy, ka tamin' ny lahimatoa no nanombohany, ary tamin' ny faralahy no niafarany, ka tao amin' ny lasakan' i Benjamina no nahitana ilay kapoaka. **13** Ary samy nandriatra ny fitafiany izy, dia nanaingina ny entany tamin' ny borikiny avy ka niverina ho any an-tanàna. **14** Ary Joda sy ny rahalahiny niditra tao an-tranon' i Josefa (fa mbola tao izy), dia nidaboka tamin' ny tany teo anatrehany. **15** Ary hoy Josefa taminy: Ahoana izao zavatra nataonareo izao? tsy fantatrareo va fa izay lehilahy tahaka ahy dia mahay mamantatra zavatra tokoa? **16** Ary hoy Joda: Inona no teny hataonay amin' itompokolahy? inona intsony no holazainay? ary hataonay ahoana no fiala tsiny? Andriamanitra efa nahita ny heloky ny mpanomponao; koa, indreto, samy ho andevon' itompokolahy, na izahay, na ilay nahitana ny kapoaka tao aminy. **17** Nefa hoy Josefa: Sanatria ahy ny hanao izany! izay lehilahy nahitana ny kapoaka tao aminy ihany no ho andevoko; fa ianareo kosa dia miakara soa aman-tsara ho any amin' ny rainareo. **18** Dia nanatona azy Joda ka nanao hoe: Mba henoy kely aho, tompokolahy, aoka ny mpanomponao handaha-teny kely eto anatrehan' itompokolahy, ary aoka tsy mba hirehitra amin' ny mpanomponao ny fahatezeranao; fa tahaka an' i Farao ianao. **19** Itompokolahy nanontany ny mpanompony hoe: Manan-dray na rahalahy koa va ianareo? **20** Ary hoy izahay tamin' itompokolahy: Manan-dray lahy antitra izahay sy zandry faralahy, zanaky ny fahanterany; ary maty ny rahalahiny, fa izy irery ihany no zana-dreniny sisa, ary tian' ny rainy izy. **21** Ary ianao nanao tamin' ny mpanomponao hoe: Ento mankaty amiko izy mba ho hitan' ny masoko. **22** Ary hoy izahay tamin' itompokolahy: Ny zazalahy tsy mahazo misaraka amin-drainy; fa raha misaraka amin-drainy izy, dia ho faty rainy. **23** Ary hoy ianao tamin' ny mpanomponao: Raha tsy hiara-midìna aminareo ny zandrinareo faralahy, dia tsy hahita ny tavako intsony ianareo. **24** Ary rehefa tafakatra tany amin' ny mpanomponao raiko izahay, dia nambaranay azy ny tenin' itompokolahy. **25** Dia hoy ny rainay: Mandehana indray, mividia hanina kely ho antsika. **26** Ary hoy izahay: Tsy sahy hidina izahay; nefa raha hiaraka aminay ny zandrinay faralahy, dia hidina ihany izahay; fa tsy mahazo mahita ny tavan-dralehilahy izahay raha tsy miaraka aminay ny zandrinay faralahy. **27** Dia hoy ny mpanomponao raiko taminay: Fantatrareo fa ny vadiko efa niteraka roa lahy tamiko; **28** fa lasa niala tamiko ny anankiray, ka hoy izaho: Voaviraviram-biby tokoa izy; ary tsy mbola hitako mandraka ankehitriny izy; **29** ary raha halainareo hiala eto anoloako koa ity, ka hisy loza hanjo azy koa, dia hampidininareo any amin' ny fiainan-tsi-hita amim-pahoriana ny volo fotsiko. **(Sheol h7585)** **30** Koa ankehitriny, raha tonga any amin' ny mpanomponao raiko aho, ka tsy tafaraka aminay ny zaza (fa ny ainy mifamatotra amin' ny ain' ny zaza), **31** koa raha hitany fa tsy eo ny zaza, dia ho faty izy; ary ny mpanomponao hampidina ny volo fotsin' ny mpanomponao rainay ho any amin' ny fiainan-tsi-hita amin' alahelo. **(Sheol h7585)** **32** Fa ny mpanomponao efa niantoka ny zaza tamin' ny raiko ka nanao hoe: Raha tsy ho entiko atỳ aminao izy, dia ho meloka amin' ny raiko amin' ny andro rehetra hiainako aho. **33** Koa ankehitriny, trarantitra ianao, aoka ny mpanomponao hitoetra ho andevon' itompokolahy hisolo ny zaza; fa aoka ny zaza hiara-miakatra amin' ny rahalahiny. **34** Fa hataoko ahoana no fiakatra any amin' ny raiko, raha tsy hiaraka amiko ny zaza? fandrao hahita izay loza hanjo ny raiko aho.

45 Ary Josefa tsy nahatsindry ny fangorakoraky ny fony intsony teo anatrehan' izay rehetra teo aminy; dia niantso izy ka nanao hoe: Avoahy ny olona rehetra hiala eto amiko. Ary dia tsy nisy olona na dia iray aza nijanona teo amin' i Josefa, raha nanao izay hahafantaran' ny rahalahiny azy izy. **2** Dia nitomany mafy izy, ka ren' ny Egyptiana, ary ren' ny tao an-tranon' i Farao koa. **3** Ary hoy Josefa tamin' ny rahalahiny: Izaho no Josefa; mbola velona ihany va

ikaky? Ary tsy nahavaly azy ny rahalahiny; fa toran-kovitra teo anatrehany ireo. **4** Ary hoy Josefa tamin' ny rahalahiny: Avia, manatòna ahy ianareo. Dia nanatona ireo. Ary hoy Josefa: Izaho no Josefa rahalahinareo, ilay namidinareo ho atỳ Egypta. **5** Ary ankehitriny, aza malahelo na tezitra amin' ny tenanareo noho ny nivarotanareo ahy ho atỳ; fa hamonjy aina no nampandehanan' Andriamanitra ahy hialoha anareo atỳ. **6** Fa roa taona izao no efa nisian' ny mosary teto amin' ny tany; ary mbola misy dimy taona koa, izay tsy hisy hiasan-tany na hijinjana. **7** Ary Andriamanitra efa nampandeha ahy hialoha anareo, mba tsy hahalany taranaka anareo amin' ny tany, fa hamelona anareo amin' ny famonjena lehibe. **8** Ary amin' izany, tsy ianareo no nampandeha ahy ho atỳ, fa Andriamanitra; ary Izy nanao ahy ho rain' i Farao, sy ho tompon' ny ao an-tranony rehetra, ary ho mpanapaka ny tany Egypta rehetra. **9** Andeha miakatra faingana ianareo ho any amin' ikaky, ka lazao aminy hoe: Izao no tenin' i Josefa zanakao: Efa nataon' Andriamanitra ho tompon' i Egypta rehetra aho; ka midìna hankatỳ amiko, fa aza mijanona; **10** dia honina eo amin' ny tany Gosena ianao, ka ho eo akaikiko ianao sy ny zanakao sy ny zafinao ary ny ondry aman' osinao sy ny ombinao mbamin' izay rehetra anananao. **11** Dia hamelona anao eo aho (fa mbola haharitra dimy taona ny mosary), fandrao ho lany harena ianao sy ny ankohonanao ary izay rehetra anananao. **12** Ary, indro, hitan' ny masonareo sy ny mason' i Benjamina rahalahiko izao fa ny vavako no miteny aminareo. **13** Dia hambaranareo amin' ikaky ny voninahitro rehetra atỳ Egypta sy izay rehetra efa hitanareo; koa mandehana faingana ianareo, ka ento midìna atỳ ikaky. **14** Dia namihina ny vozon' i Benjamina rahalahiny izy ka nitomany; ary Benjamina koa dia mba nitomany teo amin' ny vozony. **15** Ary dia nanoroka ny rahalahiny rehetra izy ka nitomany teo am-pamihinany azy; ary rehefa afaka izany, dia niresaka taminy ireo rahalahiny. **16** Ary re tao an-tranon' i Farao ny teny hoe: Tonga ny rahalahin' i Josefa; dia sitrak' i Farao sy ny mpanompony izany. **17** Ary hoy Farao tamin' i Josefa: Lazao amin' ny rahalahinao: Izao no ataovy: ataingeno ny entana ho entin' ny bibinareo, ka mankanesa any amin' ny tany Kanana; **18** ary alao ny rainareo sy ny ankohonanareo, ka mankanesa atỳ amiko; ary dia homeko anareo ny tsara eto amin' ny tany Egypta, ka hihinana ny matavy eto amin' ny tany ianareo. **19** Ary ankehitriny efa nomena teny ianao, ka izao no ataovy: makà sariety amin' ny tany Egypta hitondranareo ny vady amanjanakareo, ary ento ny rainareo, ka mankanesa atỳ. **20** Aza malahelo ny amin' ny fanakareo; fa anareo izay tsara eto amin' ny tany Egypta rehetra. **21** Ary nataon' ny zanak' Isiraely izany, ka dia nomen' i Josefa sariety izy, araka ny tenin' i Farao; ary nomeny vatsy koa ho entiny eny andalana izy. **22** Ary izy rehetra samy nomeny akanjo indray miova avy; fa Benjamina kosa nomeny sekely volafotsy telon-jato sy akanjo indimy miova. **23** Ary izao kosa no nampitondrainy ho an-drainy: borikilahy folo nitondra zavatsoa avy tany Egypta, sy borikivavy folo nitondra vary sy mofo, ary vatsy ho an' ny rainy ho entiny eny an-dalana. **24** Dia nampandehaniny ny rahalahiny, ka lasa nandeha izy ireo; ary hoy Josefa taminy: Aza mifanditra eny andalana ianareo. **25** Dia niakatra avy tany Egypta izy ireo ka tonga tany amin' i Jakoba rainy tany amin' ny tany Kanana. **26** Dia nilaza taminy izy ka nanao hoe: Mbola velona ihany Josefa, ary izy no mpanapaka ny tany Egypta rehetra, kanefa nangatsiaka ihany ny fon' i Jakoba, fa tsy nino azy izy. **27** Dia nolazain' izy ireo ny teny rehetra izay efa nolazain' i Josefa taminy: ary rehefa hitany ny sariety izay efa nampitondrain' i Josefa hitondrana azy, dia izay vao velona indray ny fanahin' i Jakoba rainy **28** Ary hoy Isiraely: Aoka ary, fa mbola velona ihany Josefa zanako; handeha aho ka hahita azy, dieny tsy mbola maty aho.

46 Ary niainga Isiraely nitondra izay rehetra nananany ka nankany Beri-sheba, dia namono zavatra hatao fanatitra ho an' Andriamanitr' Isaka rainy izy. **2** Ary Andriamanitra niteny tamin' Isiraely tao amin' ny fahitana nony alina ka nanao ho: Ry Jakoba, ry Jakoba ô! Ary hoy kosa izy: Inty aho. **3** Dia hoy Izy: Izaho no Andriamanitra, dia Andriamanitry ny rainao; aza matahotra hidina any Egypta ianao, fa hataoko firenena lehibe any ianao. **4** Izaho hiara-midìna aminao ho any Egypta; ary Izaho hitondra anao hiakatra indray tokoa ary ny tànan' i Josefa no hanirina ny masonao. **5** Dia niainga Jakoba ka niala tao Beri-sheba; ary ny zanak' Isiraely nitondra an' i Jakoba rainy sy ny zanany madinika ary ny vadiny teo anatin' ny sariety, izay efa nampitondrain' i Farao hitondrana azy. **6** Ary nentin' izy ireo ny omby aman' ondriny sy ny fananany, izay efa nohariny tany amin' ny tany Kanana, dia tonga tany Egypta Jakoba sy ny zanany rehetra nomba azy: **7** ny zananilahy sy ny zafini-lahy nomba azy, ary ny zananivavy sy ny zafini-vavy; eny, nentiny nomba azy ho any Egypta avokoa ny zanany rehetra. **8** Ary izao no anaran' ny zanak' Isiraely izay tonga tany Egypta, dia Jakoba sy ny zananilahy: **9** Robena, lahimatoan' i Jakoba. Ary ny zanakalahin-dRobena dia Hanoka sy Palo sy Hezrona ary Karmy **10** Ary ny zanakalahin' i Simeona dia Jemoela sy Jamina sy Ohada sy Jakina sy Zohara ary Saoly, zanakalahin' ny vehivavy Kananita. **11** Ary ny zanakalahin' i Levy dia Gersona sy Kehata atỳ Merary. **12** Ary ny zanakalahin' i Joda dia Era sy Onana sy Sela sy Fareza ary Zera; ary Era sy Onana anefa dia maty tany amin' ny tany Kanana ihany. Ary ny zanakalahin' i Fareza dia Hezrona sy Hamola. **13** Ary ny zanakalahin' Isakara dia Tola sy Pova sy Joba ary Simrona. **14** Ary ny zanakalahin' i Zebolona dia Sereda sy Elona ary Jahalela. **15** Ireo no zanakalahin' i Lea izay naterany tamin' i Jakoba tany Mesopotamia, ary Dina zananivavy; ny isan' ny zananilahy rehetra mbamin' ny zananivavy dia telo amby telo-polo. **16** Ary ny zanakalahin' i Gada dia Zifiona sy Hagy sy Sony sy Ezbona sy Erỳ sy Aroda ary Arely. **17** Ary ny zanak' i Asera dia Jimna sy Jisva sy Jisvy sy Beria ary Sera, anabavin' ireo; ary ny zanakalahin' i Beria dia Hebera sy Malkiela. **18** Ireo no zanak' i Zilpa, izay nomen' i Labana an' i Lea zananivavy, ary ireo no naterany tamin' i Jakoba, dia enina ambin' ny folo izy. **19** Ny zanakalahin-dRahely, vadin' i Jakoba dia Josefa sy Benjamina. **20** Ary ny zanakalahin' i Asenata, zanakavavin'

i Poti-fera, mpisorona tao Ona, izay naterak' i Josefa tany amin' ny tany Egypta, dia Manase sy Efraima. **21** Ary ny zanakalahin' i Benjamina dia Bela sy Bakera sy Asbela sy Gera sy Namana sy Ehy sy Rosy sy Mopima sy Hopima ary Arda. **22** Ireo no zanakalahin-dRahely, izay naterany tamin' i Jakoba; efatra ambin' ny folo ny isan' izy rehetra. **23** Ary ny zanakalahin' i Dana dia Hosima. **24** Ary ny zanakalahin' i Naftaly dia Jaziela sy Gony sy Jezera ary Silema. **25** Ireo no zanakalahin' i Bila, izay nomen' i Labana an-dRahely zananivavy, ary ireo no naterak' i Jakoba; fito no isan' izy rehetra. **26** Ny isan' izay rehetra nankany Egypta niaraka tamin' i Jakoba, dia izay naloaky ny kibony, afa-tsy ny vadin' ny zanakalahin' i Jakoba dia enina amby enim-polo. **27** Ary ny zanakalahin' i Josefa, izay naterany tany Egypta, dia roa lahy; ny isan' ny terak' i Jakoba rehetra, izay tonga tany Egypta, dia fito-polo. **28** Ary Joda nirahiny nialoha azy hankany amin' i Josefa mba hanoro lalana azy ho any Gosena; dia tonga tany amin' ny tany Gosena izy. **29** Ary Josefa nampanamboatra ny kalesiny, dia niakatra hitsena an' Isiraely rainy tany Gosena izy; ary raha niseho taminy izy, dia namihina ny vozony ka nitomany ela teo amin' ny vozony. **30** Ary hoy Isiraely tamin' i Josefa: Aoka ho faty amin' izao aho, satria efa hitako ny tavanao, fa mbola velona ihany ianao. **31** Ary hoy Josefa tamin' ny rahalahiny sy ny ankohonan' ny rainy: Hiakatra aho hilaza amin' i Farao ka hanao aminy hoe: Ny rahalahiko sy ny ankohonan' ny raiko, izay tany amin' ny tany Kanana, dia efa tonga atỳ amiko. **32** Ary mpiandry ondry ireo lehilahy ireo, fa mpiompy omby aman' ondry izy; ary ny ondry aman' osiny sy ny ombiny mbamin' izay rehetra ananany dia nentiny avokoa. **33** Ary raha hiantso anareo Farao ka hanao hoe: Inona no raharaha fanaonareo? **34** dia izao no havalinareo: Miompy omby aman' ondry no raharaha fanaon' ny mpanomponao, hatry ny fony vao zaza ka ambaraka ankehitriny, dia izahay sy ny razanay koa mba hahazoanareo monina ao amin' ny tany Gosena, satria fahavetavetana amin' ny Egyptiana ny mpiandry ondry rehetra.

47 Ary Josefa nankao amin' i Farao ka nilaza taminy hoe: Ny raiko sy ny rahalahiko ary ny ondry aman' osiny sy ny ombiny mbamin' izay rehetra ananany dia efa tonga avy tany amin' ny tany Kanana; ka, indreo, ao amin' ny tany Gosena izy. **2** Ary ny dimy lahy tamin' ny rahalahiny no nalainy ka nentiny teo anatrehan' i Farao. **3** Ary hoy Farao tamin' ireo rahalahin' i Josefa: Inona moa no raharaha fanaonareo? Dia hoy izy tamin' i Farao: Mpiandry ondry izahay mpanomponao hatramin' ny razanay. **4** Ary hoy koa izy tamin' i Farao: Mba hivahiny eto amin' ity tany ity no nihavianay; fa tsy misy ahitra ho an' ny ondry aman' osin' ny mpanomponao, fa mafy ny mosary any amin' ny tany Kanana; koa ankehitriny, trarantitra ianao, aoka mba honina ao amin' ny tany Gosena ny mpanomponao. **5** Ary Farao dia niteny tamin' i Josefa ka nanao hoe: Ny rainao sy ny rahalahinao efa tonga atỳ aminao; **6** ny tany Egypta dia eo anoloanao; koa amin' izay tany tsara indrindra no amponeno ny rainao sy ny rahalahinao; aoka honina ao amin' ny tany Gosena izy ary raha fantatrao fa misy lehilahy mahay eo aminy, tendreo izy ho lehiben' ny mpiandry ny omby aman' ondriko. **7** Dia nentin' i Josefa ho eo anatrehan' i Farao Jakoba rainy; ary Jakoba dia nisaotra an' i Farao. **8** Ary hoy Farao tamin' i Jakoba: Firy taona moa no andro niainanao? **9** Dia hoy Jakoba tamin' i Farao: Telo-polo amby zato taona no andro nivahiniako; sady vitsy no ratsy ny andro niainako ka tsy nahatratra ny andro niainan' ny razako tamin' ny andro nivahiniany. **10** Ary Jakoba, rehefa nisaotra an' i Farao, dia lasa niala teo anatrehany. **11** Dia namponenin' i Josefa ny rainy sy ny rahalahiny ka nomeny zara-tany tao amin' ny tany Egypta, dia tao amin' ny tany tsara indrindra, tao amin' ny tany Ramesesa, araka izay efa nandidian' i Farao. **12** Dia novelomin' i Josefa tamin' ny hanina ny rainy sy ny rahalahiny mbamin' ny ankohonan' ny rainy rehetra, araka ny isan' ny zanany avy. **13** Ary tsy nisy hanina teo amin' ny tany rehetra; fa mafy indrindra ny mosary, ka efa reraka ny tany Egypta sy ny tany Kanana noho ny mosary. **14** Dia nangonin' i Josefa ny vola rehetra izay hita tany amin' ny tany Egypta sy tany amin' ny tany Kanana, dia izay vidin' ny vary novidin' ny olona, ka nampidirin' i Josefa tao an-tranon' i Farao ny vola. **15** Ary rehefa lany avokoa ny vola tany amin' ny tany Egypta sy tany amin' ny tany Kanana, dia nankeo amin' i Josefa ny Egyptiana rehetra ka nanao hoe: Omeo hanina izahay; fa nahoana no dia ho faty eto anatrehanao izahay? fa efa lany avokoa ny vola. **16** Ary hoy kosa Josefa: Omeo ny omby aman' ondrinareo hotakalozako, raha lany ny vola. **17** Dia nentiny tany amin' i Josefa ny omby aman' ondriny, ka notakalozan' i Josefa hanina ny soavaliny sy ny ondry aman' osiny ary ny ombiny sy ny borikiny; dia nomeny hanina izy tamin' izany taona izany ho takalon' ny bibiny rehetra. **18** Ary rehefa tapitra izany taona izany, dia nankeo aminy indray ny olona tamin' ny taona faharoa ka nanao taminy hoe: Tsy azonay afenina amin' itompokolahy fa efa lany ny vola, ary efa lasan' itompokolahy avokoa ny biby fiompy; tsy misy na inona na inona intsony eto imason' itompokolahy afa-tsy ny tenanay sy ny taninay; **19** nahoana no dia ho faty izahay eto anatrehanao, dia izahay sy ny taninay? Takalozy hanina ny tenanay sy ny taninay, dia ho mpanompon' i Farao izahay sy ny taninay: ary omeo voa hafafy izahay, mba ho velona, fa tsy ho faty, ary mba tsy ho lao ny tany. **20** Dia notakalozan' i Josefa ho an' i Farao ny tany Egypta rehetra; fa ny Egyptiana samy nanakalo ny sahany avy, satria resy mosary izy; ary dia lasan' i Farao ny tany. **21** Ary ny olona dia nafindrany ho ao amin' ny tanàna hatramin' ny faran' ny faritr' i Egypta rehetra. **22** Ny tanin' ny mpisorona ihany no tsy mba natakalony; fa nanana anjara tamin' i Farao ny mpisorona ka nihinana ny anjara izay nomen' i Farao azy; izany no tsy nanakalozany ny taniny. **23** Dia hoy Josefa tamin' ny olona: Indro, efa voavidiko androany ianareo sy ny taninareo ho an' i Farao; koa indreny ny voa hafafinareo, dia hofafazanareo ny tany. **24** Ary rehefa misy vokatra, dia haterinareo ho an' i Farao ny ampahadiminy; ary ho anareo kosa ny efa-toko, ho voa hafafy any an-tsaha sy hohaninareo mbamin' izay ao an-tranonareo ary hohanin' ny zanakareo. **25** Ary hoy izy: Efa namonjy ny

ainay ianao; aoka mba hahita fitia eto imason' itompokolahy izahay, dia ho mpanompon' i Farao. **26** Dia nataon' i Josefa ho lalana tany amin' ny tany Egypta mandraka androany izany; fa ho an' i Farao ny ampahadiminy; fa ny tanin' ny mpisorona ihany no tsy mba lasan' i Farao. **27** Ary nonina tao amin' ny tany Egypta ny Isiraely, dia tao amin' ny tany Gosena; ary nahazo zara-tany tao izy, dia nihamaro anaka ka nihabetsaka indrindra. **28** Ary ny andro niainan' i Jakoba tao amin' ny tany Egypta dia fito ambin' ny folo taona; koa ny andro rehetra niainan' i Jakoba dia fito amby efapolo amby zato taona. **29** Ary rehefa antomotra ny andro hahafatesan' Isiraely, dia nampaka an' i Josefa zanany izy ka nanao taminy hoe: Raha mba nahita fitia eo imasonao aho, masìna ianao, ataovy ato ambanin' ny feko ny tananao, ka ataovy amiko izay soa sy izay marina; masìna ianao aza alevina atỳ Egypta aho. **30** Fa rehefa lasa mody mandry any amin' ny razako aho, dia ho entinao hiala atỳ Egypta ka halevinao ao amin' ny fasany. Dia hoy Josefa: Hanao araka ny teninao aho. **31** Ary hoy Jakoba: Mianiana ary amiko. Dia nianiana taminy izy. Dia niankohoka teo andohan' ny farafara Isiraely.

48 Ary rehefa afaka izany, dia nisy nilaza tamin' i Josefa, hoe: Indro marary ny rainao. Dia nentiny niaraka taminy Manase sy Efraima, zanany mirahalahy. **2** Ary nisy nilaza tamin' i Jakoba ka nanao hoe: Indro, Josefa zanakao tamy ho etỳ aminao; dia nanatanja-tena Isiraely ka niarina teo ambonin' ny farafara. **3** Ary hoy Jakoba tamin i Josefa: Andriamanitra Tsitoha efa niseho tamiko tany Lozy any amin' ny tany Kanana ary nitahy ahy ka nanao tamiko hoe: **4** Indro, Izaho hahamaro ny taranakao, dia hampitombo anao sy hanao anao ho firenena maro; dia homeko ny taranakao mandimby anao ity tany ity ho lovany mandrakizay. **5** Ary ankehitriny, ny zanakao mirahalahy, izay efa naterakao tatỳ amin' ny tany Egypta, fony tsy mbola tonga tatỳ aminao eto Egypta aho, dia ho ahy ireo: eny, Efraima sy Mariase dia ho ahy, tahaka an' i Robena sy Simeona. **6** Fa ny zanakao izay haterakao aorian' izy mirahalahy dia ho anao kosa, ary ny anarany hatao araka ny an' ny rahalahiny eo amin' ny zara-taniny. **7** Ary izaho, raha niala tany Mesopotamia aho, dia maty teo anatrehako Rahely tany amin' ny tany Kanana, tany an-dalana, rehefa kely foana no sisa tsy nahatongavana tao Efrata, ary nandevina azy aho teo amoron' ny lalana mankany Efrata (Betlehema izany). **8** Ary rehefa hitan' Isiraely ny zanak' i Josefa, dia hoy izy: Iza moa ireo? **9** Ary hoy Josefa tamin-drainy: Zanako ireto, izay nomen' Andriamanitra ahy tatỳ. Ary hoy izy: Masìna ianao, ento eto amiko izy, dia hotsofiko rano. **10** Ary efa pahina ny mason' Isiraely noho ny fahanterany, ka tsy nahita izy; dia nentin' i Josefa nanatona azy izy mirahalahy; ary Isiraely nanoroka sy namihina azy. **11** Dia hoy Isiraely tamin' i Josefa; Tsy nanampo izay hahita ny tavanao intsony aho; kanjo, indro, Andriamanitra efa nampahita ahy ny zanakao koa aza. **12** Ary Josefa nampiala azy mirahalahy teo anelanelan' ny lohalik' Isiraely, dia niankohoka tamin' ny tany izy. **13** Dia notantanan' i Josefa izy mirahalahy: Efraima tamin' ny ankavanany ho eo amin' ny ankavian' Isiraely, ary Manase tamin' ny ankaviany ho eo amin' ny ankavanan' Isiraely, ka nentiny nanatona azy. **14** Dia nahinjitr' Isiraely ny tanany ankavanana ka napetrany tamin' ny lohan' i Efraima, nefa izy no zandriny, fa ny tànany ankavia kosa teo amin' ny lohan' i Manase; fa niniany natao toy izany ny tànany, nefa Manase no lahimatoa. **15** Dia nitso-drano an' i Josefa izy ka nanao hoe: Andriamanitra, Izay nandehanan' i Abrahama sy Isaka razako teo anatrehany, Andriamanitra, Izay Mpiandry ahy hatrizay niainako ka mandraka androany, **16** ny Anjely Izay Mpamonjy ahy tamin' ny loza rehetra: Izy anie hitahy ireto zaza ireto; ary aoka ny anarako sy ny anaran' i Abrahama sy Isaka raiko no hanononana azy, ary hitombo ho maro dia maro eo amin' ny tany anie izy. **17** Ary rehefa hitan' i Josefa fa ny rainy nametraka ny tànany ankavanana teo amin' ny lohan' i Efraima, dia tsy sitrany izany; ka noraisiny ny tanan' ny rainy, mba hampiala azy amin' ny lohan' i Efraima ho amin' ny lohan' i Manase, **18** ka hoy Josefa tamin' ny rainy: Tsy izao no izy, ry ikaky; fa ity no lahimatoa, ka apetraho eo amin' ny lohany ny tananao ankavanana. **19** Fa tsy nety ny rainy, fa nanao hoe: Fantatro ihany, anaka, fantatro ihany, izy koa ho tonga firenena, ary izy koa ho lehibe; kanefa ny zandriny ho lehibe noho izy, ary ny taranany ho firenena maro. **20** Dia nitso-drano azy tamin' izany andro izany izy ka nanao hoe: Hianao no hitsofan' ny Isiraely rano hoe: Hataon' Andriamanitra tahaka an' i Efraima sy tahaka an' i Manase anie ianao. Ary Efraima no nataony alohan' i Manase. **21** Ary hoy Isiraely tamin' i Josefa: Indro, ho faty aho, nefa Andriamanitra homba anareo ka hampody anareo indray ho any amin' ny tanindrazanareo. **22** Ary izaho manome anao zara-tany iray ho tombon-dahinao amin' ny rahalahinao, izay nalaiko tamin' ny sabatro sy ny tsipikako teo an-tànan' ny Amorita.

49 Ary Jakoba namory ny zananilahy ka nanao hoe: Mivoria ianareo, mba hanambarako aminareo izay ho tonga aminareo any am-parany. **2** Miangòna, ka mandrenesa, ry zanakalahin' i Jakoba, eny, mihainoa an' Isiraely rainareo: **3** Ry ROBENA, lahimatoako ianao, heriko sy voalohan' ny tanjako, manan-tombom-pisandratana, manan-tombon-kery. **4** Mandroadroatra toy ny rano ianao ka tsy hanan-tombo, fa niakatra tamin' ny fandrian' ny rainao ianao, tamin' izany no nandotoanao azy. Endrey, ny farafarako lahy, ka dia niakarany! **5** SIMEONA sy LEVY dia mpirahalahy, fiadia-mandoza ny sabany; **6** Aza mankeo amin' izay iokoany, ry foko, ary aza miray amin' ny fiangonany, ry fanahiko; fa tamin' ny fahatezerany no namonoany olona, ary tamin' ny fahasahisahiany no nanatraingoany omby. **7** Ho voaozona anie ny fahatezerany, fa nasiaka izany, ary ny fahavinirany, fa loza izany; hampihahakahaka azy eny amin' i Jakoba aho, ary hanely azy eny amin' Isiraely. **8** Ry JODA, hoderain' ny rahalahinao ianao, ny tananao ho ao amin' ny vozon' ny fahavalonao; hiankohoka eo anatrehanao ny zanaky ny rainao. **9** Zanadiona, Joda, avy niremby ianao, anaka; mamitsaka, mandry toy ny liona izy, ary toy ny liom-bavy, ka iza no hanaitra azy! **10** Ny tehim-panjakana tsy hiala amin' i Joda, na ny

tehina fanapahana eo anelanelan' ny tongony, mandrapahatongan' i Silo, ka hanoa Azy ny firenena. **11** Mamatotra ny borikiny tanora eo amin' ny tahom-boaloboka izy. Ary ny zanaky ny borikivaviny eo amin' ny tahom-boaloboka tsara; nanasa ny fitafiany tamin' ny divay izy, ary ny akanjony tamin' ny ram-boaloboka. **12** Mangamanga ny masony azon' ny divay ary fotsy ny nifiny azon' ny ronono. **13** ZEBOLONA, ao amoron-dranomasina no honenany, dia ao amoron-dranomasina fitodian-tsambo; ary ny sisin-taniny hifanolotra amin' i Sidona. **14** ISAKARA dia boriky henjana, mandry eo anelanelan' ny vala; **15** Ary hitany fa tsara ny fialan-tsasatra, sady mahafinaritra ny tany; dia nanongilana ny sorony hitondra entana izy ka tonga mpanompo mandoa hetra. **16** DANA hitsara ny olony tahaka ny anankiray amin' ny firenen' ny Isiraely. **17** Dana ho menarana ao amoron-dalana, ho bibilava misy tandroka ao an-dalana izy, izay manaikitra ny kitrokelin' ny soavaly, ka potraka miantsilany ny mpitaingina azy. **18** Ny famonjenao no andrasako, Jehovah ô! **19** GADA, ny manao andiany hamoritra azy; fa izy kosa hamely ny otrika. **20** ASERA dia avy ao aminy ny matavy fihinany, ary izy no ihavian' ny hanim-pin' andriana. **21** NAFTALY dia dieravavy alefa; manao teny mahafinaritra izy. **22** JOSEFA dia sampana mahavokatra, eny, sampana mahavokatra eo anilan-doharano; ny rantsany mananika mihoatra ny fefy. **23** Nampahory azy ny mpitifitra, dia nitifitra azy sy nanenjika azy; **24** Kanefa mateza hery ny tsipìkany, ary mailamailaka ny sandrin-tànany, avy amin' ny tànan' Ilay Maherin' i Jakoba, dia avy ao amin' ny Mpiandry, Izay Vatolampin' ny Isiraely, **25** Avy amin' ny Andriamanitry ny rainao, ka Izy hamonjy anao avy amin' ny Tsitoha, ka Izy hitahy anao: Dia fitahiana avy amin' ny lanitra any ambony, sy fitahiana avy amin' ny lalina, izay mamitsaka any ambany, ary fitahiana avy amin' ny nono sy ny kibo. **26** Ny tso-dranon' ny rainao dia mihoatra noho ny havoana mandrakizay sy ny zavatra mahafinaritra amin' ny tendrombohitra fahagola; ho eo an-dohan' i Josefa izany, dia ho eo an-tampon-dohan' ilay nalaza tamin' ny rahalahiny. **27** BENJAMINA dia amboadia mamiravira: Nony maraina homan-dremby izy, nony hariva mizara babo. **28** Ireo rehetra ireo no firenen' ny Isiraely roa ambin' ny folo; ary izany no nolazain' ny rainy taminy sy nitsofany rano azy; samy araka ny tso-drano izay tokony ho azy avy no nitsofany rano azy. **29** Dia nanafatra azy izy ka nanao taminy hoe: Izaho efa madiva hangonina ho any amin' ny razako; aleveno ao amin' ny razako aho, dia ao anatin' ny zohy izay any amin' ny sahan' i Efrona Hetita, **30** ao anatin' ny zohy izay any amin' ny saha Makpela, izay tandrifin' i Mamre, any amin' ny tany Kanana, dia ilay novidin' i Abrahama mbamin' ny saha tamin' i Efrona Hetita ho tany fandevenana. **31** Tao no nandevenany an' i Abrahama sy Saraha vadiny; ary tao koa no nandevenany an' Isaka sy Rebeka vadiny; ary tao koa no nandevenako an' i Lea, **32** ny saha sy ny zohy ao anatiny izay novidiny tamin' ny taranak' i Heta. **33** Ary rehefa vitan' i Jakoba ny hafatra nataony tamin' ny zananilahy rehetra, dia navonkiny teo am-parafara ny tongony, dia niala aina izy ka voangona any amin' ny razany.

50 Ary Josefa nihohoka tamin' ny tavan' ny rainy ka nitomany teo amboniny sady nanoroka azy. **2** Ary nasain' i Josefa nanosotra zava-manitra an-drainy ny mpanompony izay mpanao fanafody; dia nanosotra an' Isiraely ny mpanao fanafody. **3** Ary notanterahiny taminy ny efa-polo andro, fa izany no isan' ny andro nanosorampaty; ary ny Egyptiana nisaona azy fito-polo andro. **4** Ary rehefa tapitra ny andro nisaonana azy, Josefa dia niteny tamin' ny tao an-tranon' i Farao ka nanao hoe: Raha mba nahita fitia eo imasonareo aho, masìna ianareo, lazao amin' i Farao, ka ataovy hoe: **5** Ny raiko efa nampianiana ahy ka nanao hoe: Indro, ho faty aho; koa ao amin' ny fasako, izay nohadiko ho ahy any amin' ny tany Kanana, dia ao no andeveno ahy. Koa ankehitriny, trarantitra ianao, aoka aho hiakatra handevina ny raiko, dia hiverina atỳ indray. **6** Ary hoy Farao: Miakara ary, ka aleveno ny rainao araka izay nampianianany anao. **7** Dia lasa niakatra Josefa handevina ny rainy; ary niara-niakatra taminy ny mpanompon' i Farao rehetra, dia ny loholona tao an-tranony sy ny loholona rehetra tany amin' ny tany Egypta, **8** ary ny ankohonan' i Josefa rehetra sy ny rahalahiny ary ny ankohonan-drainy; ny ankizy madinika sy ny ondriny aman' osiny sy ny ombiny ihany no navelany tao amin' ny tany Gosena. **9** Ary nisy kalesy sy mpitaingin-tsoavaly niara-niakatra taminy koa, ka lehibe dia lehibe ny tobiny. **10** Ary rehefa tonga teo Goren' atada izy, izay ao an-dafin' i Jordana, dia nanao fisaonana lehibe sy mafy indrindra teo izy; dia nisaona an-drainy hafitoana Josefa. **11** Ary rehefa hitan' ny Kananita tompon-tany ny fisaonana teo Goren-atada, dia hoy izy: Fisaonana mafy amin' ny Egyptiana izao; izany no nanaovany ny anarany hoe Abel-Egyptiana, izay ao an-dafin' i Jordana. **12** Ary ny zanakalahin' i Jakoba nanao taminy araka izay nandidiany azy, **13** dia nitondra azy tany amin' ny tany Kanana, ary nandevina azy tao amin' ny zohy amin' ny saha Makpela, tandrifin' i Mamre, dia ilay novidin' i Abrahama mbamin' ny saha tamin' i Efrona Hetita ho tany fandevenana. **14** Ary rehefa voalevin' i Josefa ny rainy, dia niverina tany Egypta izy sy ny rahalahiny mbamin' izay rehetra niara-niakatra taminy handevina ny rainy. **15** Ary rehefa hitan' ny rahalahin' i Josefa fa maty ny rainy, dia hoy izy: Andrao hanao fo-lentika amintsika Josefa ka hamaly antsika tokoa noho izay ratsy rehetra nataontsika taminy. **16** Dia naniraka nankany amin' i Josefa izy ka nanao hoe: Ny rainao nanafatra, fony izy tsy mbola maty, **17** ka nanao hoe: Izao no holazainareo amin' i Josefa: Mamela re ny fahadisoan' ny rahalahinao sy ny fahotany, fa efa nanao ratsy taminao izy; eny, mamela ankehitriny ny fahadisoan' ny mpanompon' ny Andriamanitry ny rainao. Dia nitomany Josefa, raha niteny taminy izy ireo. **18** Koa nanatona azy ny rahalahiny, dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Indreto izahay ho mpanomponao. **19** Ary hoy Josefa taminy: Aza matahotra; fa moa solon' Andriamanitra va aho? **20** Hianareo no nisaina hanisy ratsy ahy; fa Andriamanitra kosa nisaina izany ho soa, hanao tahaka ny amin' izao anio izao, hamelona olona betsaka. **21** Koa ankehitriny, aza matahotra ianareo; fa izaho hamelona anareo sy ny zanakareo madinika. Dia nampionona azy sy

nanao teny malefaka nahafinaritra azy izy. **22** Ary Josefa
sy ny ankohonan' ny rainy nonina tany Egypta; ary ny
andro niainan' i Josefa dia folo amby zato taona. **23** Ary
hitan' i Josefa ny zafiafin' i Efraima; ny zanak' i Makira koa,
zanakalahin' i Manase, dia noraisin' i Josefa ho eo am-
pofoany. **24** Ary hoy Josefa tamin' ny rahalahiny: Ho faty
aho; nefa Andriamanitra hamangy anareo tokoa ka hitondra
anareo hiala amin' ity tany ity ho any amin' ny tany izay
nianianany tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba homena
azy. **25** Ary Josefa dia nampianiana ny zanak' Isiraely ka
nanao hoe: Hamangy anareo tokoa Andriamanitra, dia
hitondra ny taolako hiala eto ianareo. **26** Dia maty Josefa,
rehefa folo amby zato taona; ary dia nohosorany zava-
manitra izy ka napetrany tao anatin' ny vata tany Egypta.

Eksodosy

1 Ary izao no anaran' ny zanak' Isiraely izay niaraka tamin' i Jakoba nankany Egypta; samy nandeha mbamin' ny ankohonany avy izy rehetra: **2** Robena sy Simeona sy Levy ary Joda; **3** Isakara sy Zebolona ary Benjamina; **4** Dana sy Naftaly, ary Gada sy Asera. **5** Ary ny isan' ny olona rehetra naterak' i Jakoba dia fito-polo; fa Josefa efa tany Egypta rahateo. **6** Ary maty Josefa sy ny rahalahiny rehetra mbamin' izany taranaka rehetra izany. **7** Ary ny Zanak' Isiraely niteraka ka nitombo betsaka sy nihamaro ary nihahery dia nihahery indrindra, ka dia henika azy ny tany. **8** Ary nisy mpanjaka vaovao nanjaka tany Egypta, izay tsy nahalala an' i Josefa. **9** Ary izy niteny tamin' ny vahoakany hoe: Indro, ny firenen' ny Zanak' Isiraely efa maro sy mahery noho isika; **10** andeha hanaovantsika hevitra ireo, fandrao hihamaro izy, ka raha tahìny hisy ady, dia homba ny fahavalontsika koa izy ka hiady amintsika, ary dia hiakatra hiala amin' ny tany. **11** Koa dia nanendreny mpifehy izy, mba hampahory azy amin' ny fanompoany mafy. Ary nanao tanàna fitehirizana ho an' i Farao izy, dia Pitoma sy Ramesesa. **12** Nefa araka ny nampahoriany azy no vao mainka nihamaroany sy nitomboany kosa; ka dia natahotra ny Zanak' Isiraely indrindra ny Egyptiana. **13** Dia nampanompoin' ny Egyptiana fatratra ny Zanak' Isiraely, **14** ka nataony mangidy ny fiainany tamin' ny fanompoana mafy, dia tamin' ny feta sy ny biriky mbamin' ny fanompoana rehetra any an-tsaha, dia ny fanompoana rehetra izay nampanompoany azy fatratra. **15** Ary ny mpanjakan' i Egypta niteny tamin' ny mpampivelona Hebreo (Sifra no anaran' ny anankiray, ary Poa no anaran' ny anankiray) **16** ka nanao hoe: Raha mampivelona ny vehivavy Hebreo ianareo, ka hitanareo eo amin' ny fipetrahany fa zazalahy, dia vonoy, fa raha zazavavy kosa, dia velomy. **17** Nefa natahotra an' Andriamanitra ny mpampivelona ka tsy nanao araka izay nolazain' ny mpanjakan' i Egypta taminy, fa novelominy ihany ny zazalahy. **18** Dia nampaka ny mpampivelona ny mpanjakan' i Egypta ka nanao taminy hoe: Nahoana no nanao izany zavatra izany ianareo, ka novelominareo ihany ny zazalahy? **19** Fa hoy ny mpampivelona tamin' i Farao: Tsy mba tahaka ny vehivavy Egyptiana ny vehivavy Hebreo; fa matanjaka izy, ka raha tsy mbola tonga any aminy akory ny mpampivelona, dia velona izy. **20** Dia nasian' Andriamanitra soa ny mpampivelona; ary nihamaro sy nihahery indrindra ny olona. **21** Ary tamin' izany, satria natahotra an' Andriamanitra ny mpampivelona dia nomen' Andriamanitra zanaka izy. **22** Dia nandidy ny vahoakany rehetra Farao ka nanao hoe: Ny zazalahy rehetra izay teraka dia ario an' i Neily, fa ny zazavavy rehetra kosa no velomy.

2 Ary nisy lehilahy anankiray avy amin' ny mpianakavin' i Levy lasa naka vady tamin' ny zanakavavin' i Levy. **2** Dia nanan' anaka ravehivavy ka niteraka zazalahy; ary rehefa hitany fa zaza tsara izy, dia nafeniny telo volana. **3** Ary rehefa tsy azony nafenina intsony izy, dia nangalany fiara zozoro, ka nopetahany asfalta sy dity ny fiara, dia napetrany tao ny zaza; ary napetrany tao anaty zozoro teo amoron' i Neily ny fiara. **4** Ary ny anabaviny nijanona teny lavidavitra eny, mba hahita izay hatao aminy. **5** Ary nidina ny zanakavavin' i Farao mba handro tao Neily; ary ny ankizivaviny nitsangatsangana teny amoron' i Neily; ary raha nahita ny fiara teo anaty zozoro ny zanakavavin' i Farao, dia naniraka ny mpanompovaviny iray izy ka nampaka azy. **6** Ary nony nosokafany, dia hitany ny zazakely; ary indro fa zazalahy mitomany. Dia namindra fo taminy izy ka nanao hoe: Isan' ny zanaky ny Hebreo ity. **7** Dia hoy kosa ny anabaviny tamin' ny zanakavavin' i Farao: Handeha haka mpitaiza amin' ny vehivavy Hebreo va aho hankatỳ aminao mba hitaiza ny zaza ho anao? **8** Ary hoy ny zanakavavin' i Farao taminy: Andeha ary. Dia lasa razazavavy ka naka ny renin' ny zaza. **9** Ary hoy ny zanakavavin' i Farao taminy: Ento ity zaza ity, ka tezao ho ahy, fa izaho handoa ny karamanao. Dia nentin-dravehivavy ny zaza ka notezainy. **10** Ary rehefa lehibe ny zaza, dia nentiny tao amin' ny zanakavavin' i Farao izy, ka dia tonga zanany. Ary ny anarany nataony hoe Mosesy; fa hoy izy: Satria tamin' ny rano no nangalako azy. **11** Ary tamin' izany andro izany, rehefa lehibe Mosesy, dia nivoaka nankany amin' ny rahalahiny izy ka nijery ny fanompoany mafy, ary nahita lehilahy Egyptiana nanavokavoka ny anankiray tamin' ny Hebreo rahalahiny. **12** Dia niherikerika izy, ka nony hitany fa tsy nisy olona, dia novonoiny ilay Egyptiana, ary nasitriny tao amin' ny fasika ny faty. **13** Ary nony ampitson' iny, dia nivoaka indray izy, ary, indreo, nisy Hebreo roa lahy niady; dia hoy izy tamin' ilay diso: Nahoana no mamono ny namanao ianao? **14** Fa hoy izy: Iza no nanendry an' ialahy ho mpanapaka sy mpitsara anay? Moa mikasa hamono ahy koa va ialahy, tahaka ny namonoan' ialahy ilay Egyptiana? Dia raiki-tahotra Mosesy ka nanao hoe: Hay! fantatr' olona izany! **15** Ary rehefa ren' i Farao izany zavatra izany, dia nitady hamono an' i Mosesy izy. Fa Mosesy nandositra ny tavan' i Farao ka nonina tany amin' ny tany Midiana; ny nipetraka teo anilan' ny lavaka fantsakana izy. **16** Ary ny mpisorona tao Midiana nanana zanaka fito mirahavavy; ary avy izy ireo, dia nanovo rano ka nameno ny tavin-drano hampisotroany ny ondry aman' osin-drainy. **17** Ary avy kosa ny lehilahy mpiandry ondry ka nandroaka azy; fa Mosesy nitsangana ka namonjy azy, dia nampisotro rano ny ondry aman' osiny. **18** Ary rehefa tonga teo amin-dRegoela rainy izy, dia hoy izy: Nahoana no dia nalaky tonga toy izany ianareo androany? **19** Ary hoy izy ireo: Nisy lehilahy Egyptiana anankiray namonjy anay tamin' ny tanan' ny mpiandry ondry sady nanovo rano ho anay, dia nampisotro ny ondry aman' osy. **20** Ary hoy izy tamin' ny zananivavy: Ka aiza izy? Nahoana no nilaozanareo izany lehilahy izany? Alao izy mba hihinan-kanina. **21** Ary sitrak' i Mosesy ny hitoetra tao amin-dralehilahy. Ary Zipora zananivavy dia nomeny ho vadin' i Mosesy. **22** Dia niteraka zazalahy izy, ary ny anarany nataon-drainy hoe Gersoma; fa hoy izy: Efa vahiny atỳ amin' ny tanin' ny firenena hafa aho. **23** Ary tao anatin' izany andro maro izany dia maty ny mpanjakan' i Egypta; ary ny Zanak' Isiraely nisento noho ny fanompoany ka nitaraina; ary niakatra tany amin' Andriamanitra ny

fitarainany noho ny fanompoany. **24** Ary Andriamanitra nandre ny fitarainany, dia nahatsiaro ny fanekeny tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba. **25** Ary Andriamanitra dia nijery ny Zanak' Isiraely ka nahafantatra azy.

3 Ary Mosesy niandry ny ondry aman' osin' i Jetro rafozany, mpisorona tao Midiana, dia nitondra ny ondry aman' osy tany ankoatry ny efitra ka nankany Horeba, tendrombohitr' Andriamanitra. **2** Ary Ilay Anjelin' i Jehovah niseho taminy teo anaty lelafo teo amin' ny roimemy anankiray; dia nijery izy, ka, indro, nirehitra afo ny roimemy, kanefa tsy nahalevonana. **3** Ary hoy Mosesy: Hivily kely aho ka hizaha io fahitana lehibe io, hahafantarako izay tsy ahalevonan' ny roimemy. **4** Ary rehefa hitan' i Jehovah fa nivily hizaha izy, dia niantso azy tao afovoan' ny roimemy Andriamanitra ka nanao hoe: Ry Mosesy, ry Mosesy! Dia hoy izy: Inty aho. **5** Ary hoy Izy: Aza manakaiky etỳ; esory ny kapanao amin' ny tongotrao, fa tany masìna io ijanonanao io. **6** Dia hoy koa Izy: Izaho no Andriamanitry ny razanao, dia Andriamanitr' i Abrahama sy Andriamanitr' Isaka ary Andriamanitr' i Jakoba. Dia nisaron-tava Mosesy, fa natahotra hijery an' Andriamanitra izy. **7** Ary hoy Jehovah: Efa hitako tokoa ny fahorian' ny oloko izay any Egypta, ary efa reko ny fitarainany noho ny ataon' ny mpampiasa azy; eny, fantatro ny alahelony; **8** dia efa nidina Aho izao hamonjy azy amin' ny tanan' ny Egyptiana ka hitondra azy hiakatra hiala amin' izany tany izany ho any amin' izay tany soa sy malalaka, dia any amin' izay tany tondra-dronono sy tantely, any amin' ny tanin' ny Kananita sy ny Hetita sy ny Amorita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita. **9** Ary ankehitriny, indro, ny fitarainan' ny Zanak' Isiraely dia efa mby atỳ amiko, sady efa hitako koa ny fahoriana izay ampahorian' ny Egyptiana azy. **10** Koa avia ankehitriny ianao hirahiko ho any amin' i Farao hitondra ny Zanak' Isiraely oloko hivoaka avy any Egypta. **11** Fa hoy Mosesy tamin' Andriamanitra: Iza moa aho no hankany amin' i Farao sy hitondra ny Zanak' Isiraely hivoaka avy any Egypta? **12** Ary hoy Izy: Homba anao tokoa Aho; ary izao no famantarana ho anao fa Izaho no efa naniraka anao; rehefa entinao mivoaka avy any Egypta ny olona, dia hanompo an' Andriamanitra eto amin' ity tendrombohitra ity ianareo. **13** Ary hoy Mosesy tamin' Andriamanitra: Indro, rehefa tonga any amin' ny Zanak' Isiraely aho ka manao aminy hoe: Andriamanitry ny razanareo no efa naniraka ahy ho atỳ aminareo, ary hanao amiko hoe kosa izy: Iza moa no anarany? dia ahoana no havaliko azy? **14** Ary hoy Andriamanitra tamin' i Mosesy: IZAHO, IZAY IZY HATRIZAY HATRIZAY KA HO MANDRAKIZAY. Ary hoy koa Izy: Izao no holazainao amin' ny Zanak' Isiraely: IZAHO IZAY Izy no efa naniraka ahy ho atỳ aminareo. **15** Ary hoy koa Andriamanitra tamin' i Mosesy: Izao no holazainao amin' ny Zanak' Isiraely: Jehovah, Andriamanitry ny razanareo, dia Andriamanitr' i Abrahama sy Andriamanitr' i Isaka ary Andriamanitr' i Jakoba, no efa naniraka ahy ho atỳ aminareo; izany no anarako mandrakizay, ary izany no hahatsiarovana Ahy hatramin' ny taranaka fara mandimby. **16** Mandehana, dia angòny ny loholon' ny Isiraely, ka lazao aminy hoe: Efa niseho tamiko Jehovah, Andriamanitry ny razanareo, dia Andriamanitr' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, ka nanao hoe: Efa namangy anareo tokoa Aho ka nahita ny anaovana anareo atỳ Egypta; **17** ary hoy Izaho: Hitondra anareo hiakatra Aho ho afaka amin' ny fahoriana atỳ Egypta ho any amin' ny tanin' ny Kananita sy ny Hetita sy ny Amorita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita, ho any amin' izay tany tondra-dronono sy tantely. **18** Dia hihaino ny feonao izy; ary hankao amin' ny mpanjakan' i Egypta ianao sy ny loholon' ny Isiraely ka hilaza aminy hoe: Jehovah, Andriamanitry ny Hebreo, efa nihaona taminay; ary ankehitriny, trarantitra ianao, aoka handeha lalan-kateloana any an-efitra izahay mba hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitray. **19** Kanefa Izaho mahalala fa tsy havelan' ny mpanjakan' i Egypta handeha ianareo, tsia, na dia amin' ny tanana mahery aza. **20** Dia haninjitra ny tanako Aho ka hamely an' i Egypta amin' ny fahagagana rehetra izay hataoko eo aminy; ary rehefa afaka izany, dia vao handefa anareo izy. **21** Ary hataoko mahita fitia eo imason' ny Egyptiana ity firenena ity, ka raha handeha ianareo, dia tsy mba handeha maina; **22** fa ny vehivavy samy hangataka firavaka volafotsy sy volamena ary fitafiana amin' ny miray monina aminy sy amin' izay mivahiny ao an-tranony; dia hataonareo amin' ny zanakareo-lahy sy ny zanakareo-vavy izany, ka dia hofoananareo ny Egyptiana.

4 Ary namaly Mosesy ka nanao hoe: Indro, tsy hino ahy na hihaino ny feoko izy, fa hanao hoe: Tsy niseho taminao Jehovah. **2** Ary hoy Jehovah taminy: Inona moa iny an-tananao? Dia novaliany hoe: Tehina ity. **3** Ary hoy Izy: Atsipazo amin' ny tany iny. Dia natsipiny tamin' ny tany ka tonga menarana, dia nandositra azy Mosesy. **4** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Ahinjiro ny tananao, ka raiso amin' ny rambony iny, dia naninjitra ny tànany izy ka nandray azy; dia tonga tehina teo an-tànany indray izy **5** mba hinoan' ireo fa efa niseho taminao Jehovah, Andriamanitry ny razany, dia Andriamanitr' i Abrahama sy Andriamanitr' Isaka ary Andriamanitr' i Jakoba. **6** Ary hoy koa Jehovah taminy: Atsofohy ao an-tratranao ny tananao. Dia natsofony tao an-tratrany ny tànany; ary nony notsoahany, dia, indro, efa boka ny tànany ka fotsy tahaka ny oram-panala. **7** Ary hoy koa Izy: Atsofohy ao an-tratranao indray ny tananao (dia natsofony tao an-tratrany indray ny tànany; ary nony notsoahany tamin' ny tratrany, dia, indro, efa tonga tahaka ny hodiny indray izy). **8** Ary raha tsy hino anao izy ka tsy hihaino ny feon' ny famantarana voalohany, dia hino ny feon' ny famantarana aoriana izy. **9** Ary raha tsy hino izany famantarana roa izany aza izy, na hihaino ny feonao, dia haka rano avy ao Neily ianao, ka haidinao amin' ny tany maina; ary izay rano alainao avy ao Neily dia ho tonga rà eo amin' ny tany maina. **10** Ary hoy Mosesy tamin' i Jehovah: Tompo ô, mifona aminao aho, olona tsy mahay mandaha-teny aho, na hatrany aloha, na hatramin' izao itenenanao amin' ny mpanomponao izao aza; fa votsa vava sy miadam-piteny aho. **11** Ary hoy Jehovah taminy; Iza moa no nanao ny vavan' ny

olona? ary iza no mampahamoana, na mampaharenina, na mampahiratra, na mampahajamba? tsy Izaho Jehovah va **12** Koa ankehitriny, dia mandehana, fa Izaho no homba ny vavanao ka hanoro anao izay holazainao. **13** Fa hoy izy: Tompo ô! mifona aminao aho, iraho izay tianao hirahina. **14** Dia nirehitra tamin' i Mosesy ny fahatezeran' i Jehovah, ka hoy Izy: Tsy ao ihany va Arona Levita rahalahinao? fantatro fa mahay mandaha-teny izy. Ary indro koa, avy hitsena anao izy; koa rehefa mahita anao izy, dia ho faly ny fony. **15** Dia hiteny aminy ianao ka hanolo-teny azy; ary Izaho homba ny vavanao sy ny vavany ka hanoro anareo izay hataonareo. **16** Ary izy hiteny amin' ny olona hisolo anao; ka dia izy no ho solovavanao, ary ianao kosa ho solon' Andriamanitra aminy. **17** Dia ho entinao eny an-tananao io tehina io, izay hanaovanao ireo famantarana ireo. **18** Dia lasa nandeha Mosesy ka niverina ho any amin' i Jetro rafozany ka nanao taminy hoe: Masìna ianao, aoka aho handeha hiverina ho any amin' ny rahalahiko, izay any Egypta, ka hizaha na mbola velona ihany izy, na tsia. Ary hoy Jetro tamin' i Mosesy: Mandehana soa aman-tsara. **19** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy tany Midiana: Mandehana miverina any Egypta, fa maty ny olona rehetra izay nitady ny ainao. **20** Dia nalain' i Mosesy ny vadiny sy ny zananilahy ka nampitaingeniny boriky, dia niverina ho any amin' ny tany Egypta izy; ary nentin' i Mosesy teny an-tànany ilay tehin' Andriamanitra. **21** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Raha mandeha miverina ho any Egypta ianao, indreo ireo fahagagana rehetra ireo, izay nataoko eo an-tananao, dia ataovy eo anatrehan' i Farao; ary Izaho hanamafy ny fony, ka tsy handefa ny olona izy. **22** Ary lazao amin' i Farao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Zanako lahimatoa Isiraely; **23** koa efa nolazaiko taminao hoe: Alefaso ny zanako mba hanompo Ahy; fa efa nandà tsy handefa azy ianao, koa, indro, Izaho hamono ny zanakao lahimatoa. **24** Ary nony tany an-dalana tao amin' ny fandriam-bahiny izy, dia nitsena azy Jehovah ka nitady hamono azy. **25** Dia naka fiharatra vato Zipora ka namora ny zanany, ary izay nesoriny dia natsipiny teo anilan' ny tongony, ka hoy izy: Efa vady azoko amin' ny fandatsahan-drà ianao. **26** Dia niala taminy Izy; ary hoy ravehivavy: Vady azo amin' ny fandatsahan-drà ianao, noho ny fora. **27** Ary hoy Jehovah tamin' i Arona: Mandehana hitsena an' i Mosesy any an-efitra. Dia lasa nandeha izy ka nifanena taminy tao amin' ny tendrombohitr' Andriamanitra, dia nanoroka azy. **28** Ary nambaran' i Mosesy tamin' i Arona izay teny rehetra efa nanirahan' i Jehovah azy sy izay famantarana rehetra efa nandidiany azy. **29** Dia lasa nandeha Mosesy sy Arona ka nanangona ny loholon' ny Zanak' Isiraely rehetra. **30** Dia nolazain' i Arona ny teny rehetra izay efa nolazain' i Jehovah tamin' i Mosesy, sady nataony teo imason' ny olona ny famantarana. **31** Dia nino ny olona; ary rehefa reny fa Jehovah efa namangy ny Zanak' Isiraely ka efa nitsinjo ny fahoriany, dia niondrika izy ka niankohoka.

5 Ary rehefa afaka izany, Mosesy sy Arona dia nankao amin' i Farao ka niteny taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Alefaso ny oloko mba hanao andro firavoravoana ho Ahy any an-efitra. **2** Fa hoy Farao: Iza moa Jehovah, no hekeko teny handefasako ny Isiraely? tsy fantatro izay Jehovah, ka tsy halefako ny Isiraely. **3** Ary hoy izy roa lahy: Andriamanitry ny Hebreo efa nihaona taminay; koa trarantitra ianao, aoka handeha lalan-kateloana any an-efitra izahay hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitray; fandrao Izy hamely anay amin' ny areti-mandringana, na amin' ny sabatra. **4** Ary hoy ny mpanjakan' i Egypta taminy: Nahoana ianareo, ry Mosesy sy Arona, no manaketraka ny olona amin' ny asany? mandehana any amin' ny fanompoanareo mafy. **5** Ary hoy koa Farao: Indro, efa maro ankehitriny ny olona eto amin' ny tany, ka ianareo mampitsahatra azy amin' ny fanompoany mafy. **6** Ary tamin' izany andro izany Farao nandidy ny mpampiasa ny olona mbamin' ny mpifehy azy ka nanao hoe: **7** Aza omenareo mololo hanaovana biriky tahaka ny teo aloha intsony ny olona; fa izy ihany no aoka handeha hanangona mololo ho azy. **8** Kanefa ny isan' ny biriky izay fanaony teo aloha dia mbola hampanaovinareo azy ihany, fa aza ahenanareo; fa malaina izy, koa izany no itarainany hoe: Aoka izahay handeha hamono zavatra hatao fanatitra ho an' Andriamanitray. **9** Hamafio ny fanompoan' ny olona mba hifotorany amin' izany, fa aza avela hihaino izay lainga foana izy. **10** Dia nivoaka ny mpampiasa ny olona mbamin' ny mpifehy azy ka niteny tamin' ny olona nanao hoe: Izao no lazain' i Farao: Izaho tsy mba hanome mololo anareo intsony; **11** fa mandehana ianareo ka manangona mololo any amin' izay hahitanareo, satria tsy hahena ny fanompoanareo na dia kely akory aza. **12** Dia niely eran' ny tany Egypta rehetra ny olona mba hifako vodivary ho solon' ny mololo. **13** Ary ny mpampiasa nandodona azy ka nanao hoe: Vitao ny asanareo, izay anjara-fanompoana isan' andro, tahaka ny fony mbola nisy mololo ihany. **14** Ary ny mpifehy ny Zanak' Isiraely, izay notendren' ny mpampiasa avy amin' i Farao mba hifehy azy, dia nokapohina ka nanontaniana hoe: Ahoana no tsy nahavitanareo ny anjaranareo tamin' ny fanaovana ny biriky omaly sy androany, tahaka ny teo aloha? **15** Dia nankao amin' i Farao ny mpifehy ny Zanak' Isiraely ka nitaraina taminy hoe: Nahoana no manao toy izany amin' ny mpanomponao ianao? **16** Tsy omena mololo tsinona izahay mpanomponao, nefa mbola asaina manao biriky ihany; ary, indreto, izahay mpanomponao no kapohina, ka manota ny vahoakanao. **17** Fa hoy Farao: Malaina dia malaina ianareo, ka izany no anaovanareo hoe: Aoka handeha izahay hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah. **18** Ary ankehitriny, mandehana, ataovy izay fanompoanareo, fa tsy hisy mololo homena anareo; nefa ny anjara-birikinareo dia mbola hatolotrareo ihany. **19** Ary hitan' ny mpifehy ny Zanak' Isiraely fa efa azon-doza izy noho ny nanaovana hoe: Tsy hahenanareo ny isan' ny birikinareo amin' ny anjara-fanompoana isan' andro. **20** Ary izy ireo dia nihaona tamin' i Mosesy sy Arona, izay nijanona niandry azy, raha avy tany amin' i Farao izy; **21** dia hoy izy tamin' izy roa lahy: Jehovah anie hijery sy hitsara anareo, satria efa nataonareo mangidy hoditra eo anatrehan' i Farao sy eo anatrehan' ny mpanompony

izahay, ka nasianareo sabatra eo an-tànany hamonoany anay. **22** Ary Mosesy niverina ho any amin' i Jehovah ka nanao hoe: Tompo ô, nahoana no nahatonga loza tamin' ity firenena ity Hianao? nahoana re no naniraka ahy Hianao? **23** Fa hatrizay nankanesako tao amin' i Farao mba hiteny amin' ny anaranao izay, dia nahatonga loza tamin' ity firenena ity izy; nefa tsy namonjy ny olonao akory Hianao.

6 Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Ankehitriny ho hitanao izay hataoko amin' i Farao; fa ny tanako mahery no handefasany azy, ary ny tanako mahery no handroahany azy amin' ny taniny. **2** Ary Andriamanitra niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: Izaho no Jehovah; **3** ary tamin' ny anarako hoe ANDRIAMANITRA TSITOHA no nisehoako tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, fa ny anarako hoe JEHOVAH tsy mbola nahafantarany Ahy, **4** Ary naoriko taminy koa ny fanekeko hanomezako azy ny tany Kanana, dia ny tany fivahiniany izay efa nivahiniany. **5** Ary koa, Izaho efa nandre ny fitarainan' ny Zanak' Isiraely, izay ampanompoin' ny Egyptiana, ka dia tsaroako ny fanekeko. **6** Koa lazao amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Izaho no Jehovah, ary hitondra anareo hivoaka ho afaka amin' ny fanompoana mafy ampanaovin' ny Egyptiana anareo Aho ka hanafaka anareo amin' ny fanompoana azy; ary sandry ahinjitra sy fitsarana lehibe no hamonjeko anareo. **7** Dia halaiko ho Ahy ianareo ho oloko, ary ho Andriamanitrareo Aho; dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, Izay mitondra anareo mivoaka ho afaka amin' ny fanompoana mafy ampanaovin' ny Egyptiana anareo. **8** Ary Izaho hampiditra anareo any amin' ny tany izay nananganako tanàna homena an' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba; dia homeko ho lovanareo izany: Izaho no Jehovah. **9** Ary Mosesy nilaza izany tamin' ny Zanak' Isiraely; nefa izy tsy nihaino an' i Mosesy noho ny fahoriam-panahy sy ny fanompoana mafy. **10** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **11** Mankanesa ao amin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, ka mitenena aminy mba handefasany ny Zanak' Isiraely hiala amin' ny taniny. **12** Ary Mosesy niteny teo anatrehan' i Jehovah ka nanao hoe: Indro, ny Zanak' Isiraely aza tsy nihaino ahy, ka ahoana no hihainoan' i Farao ahy, fa izaho tsy voafora molotra? **13** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanome teny azy ho entiny ho any amin' ny Zanak' Isiraely sy ho amin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, mba hitondra ny Zanak' Isiraely hivoaka avy amin' ny tany Egypta. **14** Izao no lohan' ny fianakaviany: Ny zanakalahin-dRobena, lahimatoan' Isiraely, dia Hanoka sy Palo sy Hezrona sy Karmy; ireo no fokom-pirenen-dRobena. **15** Ary ny zanakalahin' i Simeona dia Jemoela sy Jaminasy Ohada sy Jakinasy Zohara ary Saoly, zanakalahin' ny vehivavy Kananita; ireo no fokom-pirenen' i Simeona. **16** Ary izao no anaran' ny zanakalahin' i Levy, araka ny taranany, dia Gersona sy Kehata ary Merary; ary ny andro niainan' i Levy dia fito amby telo-polo amby zato taona. **17** Ny zanakalahin' i Hersona dia Libny sy Simey, araka ny fokom-pireneny. **18** Ary ny zanakalahin' i Kehata dia Amrama sy Jizara sy Hebrona ary Oziela; ary ny andro niainan' i Kehata dia telo amby telo-polo amby zato taona. **19** Ary ny zanakalahin' i Merary dia Maly sy Mosy. Ireo no fokom-pirenen' ny Levita, araka ny taranany. **20** Ary Amrama naka an' i Jokebeda anabavin-drainy ho vadiny, dia niteraka an' i Arona sy Mosesy taminy izy; ary ny andro niainan' i Amrama dia fito amby telo-polo amby zato taona. **21** Ary ny zanakalahin' i Jizara dia Kora sy Nafega ary Zikry. **22** Ary ny zanakalahin' i Oziela dia Misaela sy Elzafana ary Sitry. **23** Ary Arona naka an' i Eliseba, zanakavavin' i Aminadaba sady anabavin' i Nasona, ho vadiny; dia niteraka an' i Nadaba sy Abiho sy Eleazara ary Itamara taminy izy. **24** Ary ny zanakalahin' i Kora dia Asira sy Elkana ary Abiasafa; ireo no fokom-pirenen' ny Korana. **25** Ary Eleazara, zanakalahin' i Arona, naka vady avy tamin' ny zanakavavin' i Potiela, dia niteraka an' i Finehasa taminy izy. Ireo no lohan' ny fianakavian' ny Levita, araka ny fokom-pireneny. **26** Ireo no Arona sy Mosesy, izay nilazan' i Jehovah hoe: Ento ny Zanak' Isiraely hivoaka avy any amin' ny tany Egypta araka ny antokony. **27** Ireo no niteny tamin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, mba hitondra ny Zanak' Isiraely hivoaka avy any Egypta; ireo no Mosesy sy Arona. **28** Ary tamin' ny andro izay nitenenan' i Jehovah tamin' i Mosesy teo amin' ny tany Egypta, **29** dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Izaho no Jehovah; koa lazao amin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, izay rehetra lazaiko aminao. **30** Ary Mosesy niteny teo anatrehan' i Jehovah ka nanao hoe: Indro, tsy voafora molotra aho, ka aiza no hihainoan' i Farao ahy!

7 Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Indro, efa nataoko andriamanitra ho an' i Farao ianao; ary Arona rahalahinao kosa ho mpaminaninao. **2** Hianao hilaza izay rehetra nandidiako anao, ary Arona rahalahinao kosa hilaza amin' i Farao, mba handefasany ny Zanak' Isiraely hiala amin' ny taniny, **3** Ary Izaho hanamafy ny fon' i Farao sy hanamaro ny famantarana sy ny fahagagana izay nataoko eto amin' ny tany Egypta. **4** Fa tsy hihaino anareo Farao, ka dia hamely an' i Egypta ny tanako, ary fitsarana lehibe no hitondrako ny antokon' ny Zanak' Isiraely oloko hiala amin' ny tany Egypta. **5** Dia ho fantatry ny Egyptiana fa Izaho no Jehovah, rehefa maninjitra ny tanako amin' i Egypta Aho ka mitondra ny Zanak' Isiraely hivoaka avy any. **6** Dia nataon' i Mosesy sy Arona izany: araka izay nandidian' i Jehovah azy no nataony. **7** Ary efa valo-polo taona Mosesy, ary efa telo amby valo-polo taona kosa Arona, raha niteny tamin' i Farao izy mirahalahy. **8** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy sy Arona: **9** Raha miteny aminareo Farao ka manao hoe: Manaova fahagagana hanambara anareo, dia lazao amin' i Arona hoe: Raiso ny tehinao, ka atsipazo eo anatrehan' i Farao, dia ho tonga menarana iny. **10** Ary Mosesy sy Arona nankao amin' i Farao ka nanao araka izay efa nandidian' i Jehovah; dia natsipin' i Arona teo anatrehan' i Farao sy teo anatrehan' ny mpanompony ny tehiny, ka tonga menarana iny. **11** Dia nampanalain' i Farao ny olon-kendry sy ny mpanana ody; ary ireo ombiasy teo Egypta ireo dia nanao toy izany tamin' ny fankatovany. **12** Fa samy nanipy ny tehiny avy izy ireo, ka tonga menarana ireny; nefa ny tehin' i Arona nitelina ny tehin' ireo. **13** Dia nihamafy ny fon' i

Farao, ka tsy nihaino azy mirahalahy izy, araka izay efa nolazain' i Jehovah. **14** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Efa mafy ny fon' i Farao, ka mandà tsy handefa ny olona izy. **15** Mankanesa ao aminy ianao rahampitso; indro, hivoaka ho any amin' ny rano izy; dia mijanona eo amoron' i Neily ianao ambara-pihaviny (ary ny tehina, ilay novàna ho menarana, ho entinao eny an-tananao), **16** dia lazao aminy hoe: Jehovah, Andriamanitry ny Hebreo, no naniraka ahy nankaty aminao hanao hoe: Alefaso ny oloko mba hanompoany Ahy any an-efitra; fa, indro, tsy nihaino ianao mandraka ankehitriny. **17** Koa izao no lazain' i Jehovah: Izao no hahafantaranao fa Izaho no Jehovah: indro, ny tehiko etỳ an-tanako no hikapohako ny rano ao Neily, ka ho tonga rà izy. **18** Dia ho faty ny hazandrano ao Neily, ka ho maimbo Neily, ary tsy ho tian' ny Egyptiana intsony ny hisotro ny rano ao. **19** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Lazao amin' i Arona hoe: Raiso ny tehinao, ka ahinjiro ambonin' ny ranon' i Egypta ny tananao, dia ambonin' ny sampan-dranony sy ambonin' ny lahin-dranony, sy ambonin' ny heniheniny, ary ambonin' ny kamoriny rehetra, mba ho tonga rà ireny; ary hisy rà eran' ny tany Egypta rehetra, na amin' ny fitoeran-drano hazo na amin' ny fitoeran-drano vato. **20** Ary nataon' i Mosesy sy Arona izany, araka izay nandidian' i Jehovah; dia nanainga ny tehina izy ka namely ny rano tao Neily teo imason' i Farao sy teo imason' ny mpanompony, dia tonga rà ny rano rehetra tao Neily; **21** koa maty ny hazandrano izay tao Neily, dia maimbo Neily, ka tsy azon' ny Egyptiana nosotroina ny rano avy ao; ary ny rà dia nanerana ny tany Egypta rehetra. **22** Ary ny ombiasy teo Egypta, dia mba nanao toy izany koa tamin' ny fankatovany; ka dia nihamafy ny fon' i Farao, ka tsy nihaino azy mirahalahy izy, araka izay efa nolazain' i Jehovah. **23** Dia niverina Farao ka nankao an-tranony, kanefa tsy mba nahoany akory, na dia izany aza. **24** Dia nihady rano hosotroiny teo amoron' i Neily ny Egyptiana rehetra; fa tsy azony nisotroana ny rano tao Neily. **25** Ary nisy hafitoana taorian' ny namelezan' i Jehovah an' i Neily.

8 Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mankanesa ao amin' i Farao, ka lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Alefaso ny oloko hanompo Ahy. **2** Fa raha mandà ka tsy mandefa azy ianao, indro, Izaho hamely ny taninao rehetra amin' ny sahona; **3** dia hisy sahona betsaka any Neily, ary hiakatra ireny ka hankao amin' ny tranonao sy ny trano fandrianao sy eny ambonin' ny farafaranao sy any amin' ny tranon' ny mpanomponao sy amin' ny vahoakanao ary eny amin' ny fanendasa-mofonao sy eny amin' ny vilia fanaova-mofonao. **4** Dia ho aminao sy ny vahoakanao ary ny mpanomponao rehetra no hiakaran' ny sahona. **5** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Lazao amin' i Arona hoe: Ahinjiro ny tananao mitana ny tehinao eny ambonin' ny sampan-drano ary eny ambonin ny lahin-drano sy ny heniheny, ka mampiakara ny sahona ho eny amin' ny tany Egypta. **6** Ary nahinjitr' i Arona tambonin' ny rano tany Egypta ny tànany; dia niakatra ny sahona ka nandrakotra ny tany Egypta. **7** Ary ny ombiasy mba nanao toy izany koa tamin' ny fankatovany ka nampiakatra ny sahona ho eny amin' ny tany Egypta. **8** Ary Farao dia nampaka an' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: Mangataha amin' i Jehovah hampialany ny sahona amiko sy amin' ny vahoakako; dia halefako ny olona mba hamono any zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah. **9** Ary hoy Mosesy tamin' i Farao: Aoka hiseho ny voninahitrao noho izay hataoko; rahoviana no hangatahako ho anao sy ny mpanomponao ary ny vahoakanao, hanesorana ny sahona aminao sy amin' ny tranonao, ka ho ao Neily ihany no hisy azy? **10** Dia hoy izy: Rahampitso. Ary hoy kosa izy: Aoka àry dia ho araka ny teninao, mba hahafantaranao fa tsy misy tahaka an' i Jehovah Andriamanitray. **11** Ary ny sahona dia hiala aminao sy amin' ny tranonao sy ny mpanomponao ary ny vahoakanao, ka ho ao Neily ihany no hisy azy. **12** Ary Mosesy sy Arona niala teo amin' i Farao; ary Mosesy nitaraina tamin' i Jehovah ny amin' ny sahona izay efa nataony tamin' i Farao. **13** Dia nataon' i Jehovah araka ny tenin' i Mosesy, ka maty ny sahona teny amin' ny trano sy teny amin' ny tokotany ary tany an-tsaha. **14** Dia nangonina hivangongo teny rehetra eny ireny, ka efa maimbo ny tany. **15** Fa nony hitan' i Farao fa nisy hiainana, dia nanamafy ny fony izy ka tsy mba nihaino azy mirahalahy, dia araka izay efa nolazain' i Jehovah. **16** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Lazao amin' i Arona hoe; Ahinjiro ny tehinao, ka kapohy ny vovo-tany, dia ho tonga moka eran' ny tany Egypta rehetra izany. **17** Dia nanao toy izany izy, ka nahinjitr' i Arona ny tànany mitana ny tehiny, ary nokapohiny ny vovo-tany, dia nisy moka teny amin' ny olona sy teny amin' ny biby fiompy: fa tonga moka avokoa ny vovo-tany rehetra eran' ny tany Egypta rehetra. **18** Ary mba nanao toy izany koa ny ombiasy tamin' ny fankatovany mba hahatonga moka, kanjo tsy nahay izy; ary ny moka dia teny amin' ny olona sy teny amin' ny biby fiompy. **19** Dia hoy ny ombiasy tamin' i Farao: Rantsan-tànan' Andriamanitra ity; nefa nihamafy ny fon' i Farao, ka tsy nihaino azy mirahalahy izy, dia araka izay efa nolazain' i Jehovah. **20** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mifohaza maraina koa, ka mitsangàna eo anatrehan' i Farao (fa, indro, hivoaka ho any amin' ny rano izy), ka lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Alefaso ny oloko hanompo Ahy. **21** Fa raha tsy mandefa ny oloko ianao, indro Aho handefa lalitra betsaka hamely anao sy ny mpanomponao sy ny vahoakanao ary ny tranonao; dia ho feno lalitra ny tranon' ny Egyptiana sy ny tany izay itoerany koa. **22** Fa havahako amin' izany andro izany ny tany Gosena, izay itoeran' ny oloko, ka tsy mba hisy lalitra ao, mba hahafantaranao fa Izaho no Jehovah afovoan' ny tany. **23** Dia hasiako fiavahana amin' ny oloko sy ny olonao; rahampitso no hisian' izany famantarana izany. **24** Ary nataon' i Jehovah izany; ka dia nisy lalitra be dia be tao amin' ny tranon' i Farao sy tao amin' ny tranon' ny mpanompony ary teny amin' ny tany Egypta rehetra; koa dia simba ny tany noho ny lalitra. **25** Ary Farao nampaka an' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: Mandehana ianareo hamono zavatra hatao fanatitra ho an' Andriamanitrareo eto amin' ity tany ity. **26** Fa hoy Mosesy: Tsy azo atao izany; fa izay fadin' ny Egyptiana no hovonoinay hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitray; koa, indro, raha

izay fadin' ny Egyptiana no vonoinay eo imasony hatao fanatitra, moa tsy hotorahany vato va izahay? **27** Handeha lalan-kateloana any an-efitra izahay, dia hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitray, araka izay holazainy aminay. **28** Ary hoy Farao: Izaho dia handefa anareo ihany mba hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitrareo any an-efitra; fa hany ataoko: aza mandeha lavitra loatra ianareo; dia mangataha ho ahy. **29** Ary hoy Mosesy: Indro, izaho hiala eto aminao ka hangataka amin' i Jehovah mba hialan' ny lalitra amin' i Farao sy ny mpanompony ary ny vahoakany rahampitso; fa aoka kosa tsy hamitaka intsony Farao ka tsy handefa ny olona hamono zavatra hatao fanatitra ho an i' Jehovah. **30** Ary Mosesy niala teo amin' i Farao ka nangataka tamin' i Jehovah **31** Ary Jehovah dia nanao araka ny tenin' i Mosesy ka nampiala ny lalitra betsaka tamin' i Farao sy ny mpanompony ary ny vahoakany, ka tsy nisy niangana ireny na dia iray akory aza. **32** Kanjo Farao nanamafy ny fony indray tamin' izany ka tsy nandefa ny olona.

9 Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mankanesa ao amin' i Farao ianao, ka lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Hebreo: Alefaso ny oloko hanompo Ahy. **2** Fa raha mandà ka tsy mandefa azy ianao, fa mbola mihazona azy ihany, **3** dia, indro, ny tànan' i Jehovah ho amin' ny bibinao izay any an-tsaha, dia amin' ny soavaly sy amin' ny boriky sy amin' ny rameva sy amin' ny omby ary amin' ny ondry aman' osy, ka hisy areti-mandringana mafy indrindra. **4** Ary Jehovah dia hanavaka ny bibin' ny Isiraely amin' ny bibin' ny Egyptiana, ka tsy hisy maty izay rehetra an' ny Zanak' Isiraely na dia iray aza. **5** Dia nanendry fotoan' andro Jehovah ka nanao hoe: Rahampitso no hanaovan' i Jehovah izany zavatra izany eto amin' ny tany. **6** Ary nony ampitso dia nataon' i Jehovah izany zavatra izany; ka maty avokoa ny bibin' ny Egyptiana rehetra; fa ny bibin' ny Zanak' Isiraely kosa tsy mba nisy maty na dia iray akory aza. **7** Dia naniraka Farao, ka, indro, tsy mba nisy maty ny bibin' ny Zanak' Isiraely na dia iray akory aza, nefa nihamafy ny fon' i Farao, ka tsy nandefa ny olona izy. **8** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy sy Arona: Mangalà lavenona amin' ny tananao ao amin' ny lafaoro lehibe, ary aoka hatopin' i Mosesy miakatra manandrify ny lanitra eo imason' i Farao izany. **9** Dia hitora-jofo eran' ny tany Egypta rehetra izany ka ho tonga vay mipoipoitra amin' ny olona sy amin' ny biby fiompy eran' ny tany Egypta rehetra. **10** Dia naka lavenona tamin' ny lafaoro lehibe izy roa lahy ka nitsangana teo anatrehan' i Farao; dia natopin' i Mosesy niakatra nanandrify ny lanitra izany, ka dia tonga vay nipoipoitra tamin' ny olona sy tamin' ny biby fiompy. **11** Ary ny ombiasy tsy nahajanona teo anatrehan' i Mosesy noho ny vay; fa ny vay dia nahazo ny ombiasy mbamin' ny Egyptiana rehetra. **12** Nefa Jehovah dia nanamafy ny fon' i Farao, ka tsy nihaino azy mirahalahy izy, dia araka izay efa nolazain' i Jehovah tamin' i Mosesy. **13** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mifohaza maraina koa ianao dia mitsangana eo anatrehan' i Farao, ka lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Hebreo: Alefaso ny oloko hanompo Ahy **14** Fa ankehitriny izao dia halefako ny areti-mandringana rehetra avy atỳ amiko hamely ny fonao sy ny mpanomponao ary ny vahoakanao, mba hahafantaranao fa tsy misy tahaka Ahy amin' ny tany rehetra. **15** Fa ankehitriny, raha izay Aho no naninjitra ny tanako hamely anao sy ny vahoakanao amin' ny areti-mandringana, dia efa fongotra tamin' ny tany ianao. **16** Kanefa izao indrindra no nampaharetako anao, dia ny hampahita anao ny heriko mba hambara any amin' ny tany rehetra ny anarako. **17** Mbola mirehareha amin' ny oloko ihany va ianao ka tsy handefa azy? **18** Indro, rahampitso toy izao dia hampilatsaka havandra be dia be Aho, izay tsy mbola nisy toy izany teto Egypta hatramin' ny andro nisiany mponina ka mandraka ankehitriny. **19** Koa ankehitriny, maniraha mba hanangona faingana ny bibinao sy izay rehetra anananao any an-tsaha; fa ny olona rehetra sy ny biby fiompy izay ho hita any an-tsaha ka tsy ho enti-mody dia hilatsahan' ny havandra ka ho faty avokoa. **20** Ary izay natahotra ny tenin' i Jehovah teo amin' ny mpanompon' i Farao dia nampody ny mpanompony sy ny bibiny ho any an-trano; **21** fa izay tsy nandatsaka am-po ny tenin' i Jehovah kosa dia namela ny mpanompony sy ny bibiny tany an-tsaha ihany. **22** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Ahinjiro manandrify ny lanitra ny tananao, dia hisy havandra hilatsaka amin' ny tany Egypta rehetra, dia amin' ny olona sy amin' ny biby fiompy ary amin' ny anana rehetra any an-tsaha eran' ny tany Egypta. **23** Dia nahinjitr' i Mosesy manandrify ny lanitra ny tehiny; ary Jehovah nanisy kotrokorana sy havandra, ary nisy afo nifanaretsadretsaka teny ambonin' ny tany; ary Jehovah nandatsaka havandra tamin' ny tany Egypta. **24** Dia nisy havandra sy afo nifandrambondrambona tanelanelan' ny havandra; dia mafy indrindra izany, ka tsy mbola nisy toy izany tany amin' ny tany Egypta rehetra hatrizay naha-firenena azy. **25** Ary ny havandra namely izay rehetra tany an-tsaha, na olona na biby fiompy, eran' ny tany Egypta rehetra; ny anana rehetra tany an-tsaha dia nasian' ny havandra koa, ary ny hazo rehetra tany an-tsaha notapatapahiny. **26** Fa tao amin' ny tany Gosena izay nitoeran' ny Zanak' Isiraely ihany no tsy mba nisy havandra. **27** Dia naniraka Farao nampaka an' i Mosesy sy Arona ka nanao taminy hoe: Efa nanota aho tamin' izao, ka Jehovah no marina, fa izaho sy ny vahoakako no meloka. **28** Mangataha amin' i Jehovah, fa aoka izay ny kotrokorana sy ny havandra, dia halefako tsy hitoetra eto intsony ianareo. **29** Ary hoy Mosesy taminy: Raha vao mivoaka amin' ny tanàna aho, dia hamelatra ny tanako amin' i Jehovah; koa dia hitsahatra ny kotrokorana, ary ny havandra dia tsy hisy intsony, mba hahafantaranao fa an' i Jehovah ny tany. **30** Kanefa fantatro fa ianao sy ny mpanomponao dia tsy mbola hatahotra an' i Jehovah Andriamanitra ihany. **31** Ary efa naripaka ny rongony sy ny vary hordea; fa efa niteraka ny vary hordea, ary efa namony ny rongony. **32** Fa ny vary tritika sy ny ampemby no tsy mba naripaka, satria mbola fohy ireny. **33** Ary Mosesy niala teo amin' i Farao ka nankeo ivelan' ny tanàna, dia namelatra ny tànany tamin' i Jehovah, ka dia nitsahatra ny kotrokorana sy ny havandra, ary tsy nisy ranonorana nilatsaka tamin'

ny tany intsony. **34** Ary nony hitan' i Farao fa nitsahatra ny ranonorana sy ny havandra ary ny kotrokorana, dia mbola nanota ihany indray izy; ary samy nanamafy ny fony izy sy ny mpanompony. **35** Dia nihamafy ny fon' i Farao ka tsy mba nandefa ny Zanak' Isiraely izy, araka izay efa nampilazain' i Jehovah an' i Mosesy.

10 Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mankanesa ao amin' i Farao; fa Izaho efa nanamafy ny fony sy ny fon' ny mpanompony, mba hanehoako izao famantarako izao eo aminy; **2** ary mba holazainao ho ren' ny zanakao sy ny zafinao izay zavatra nataoko teto Egypta sy izay famantarana nataoko teo aminy, mba ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **3** Ary Mosesy sy Arona dia nankao amin' i Farao ka nanao taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Hebreo: Mandrapahoviana no handavanao tsy hanetry tena eo anatrehako? alefaso ny oloko mba hanompo Ahy. **4** Fa raha mandà ka tsy mandefa ny oloko ianao, indro, hahatonga valala amin' ny taninao rehetra Aho rahampitso; **5** dia handrakotra ny tany rehetra ireny, ka tsy ho hita ny tany; dia hohaniny ny sisan' ny havandra, izay navela ho anareo, ka hohaniny avokoa ny hazo rehetra izay maniry ho anareo any an-tsaha; **6** dia hameno ny tranonao sy ny tranon' ny mpanomponao rehetra ary ny tranon' ny Egyptiana rehetra ireny; ary tsy mbola hitan' ny rainao na ny raibenao izay toy izay hatr' izay andro niainany tetỳ ambonin' ny tany ka mandraka androany. Dia nihodina izy ka niala teo amin' i Farao. **7** Ary hoy ny mpanompon' i Farao taminy: Mandra-pahoviana no ho fandrika amintsika iny lehilahy iny? alefaso ireo olona ireo hanompo an' i Jehovah Andriamaniny; tsy mbola fantatrao va fa efa simba Egypta? **8** Dia nisy nampiverina an' i Mosesy sy Arona hankao amin' i Farao indray: ary hoy izy taminy: Mandehana, manompo an' i Jehovah Andriamanitrareo; nefa iza avy moa no handeha? **9** Ary hoy Mosesy: Ny tanora sy ny antitra aminay ho entinay handeha, ary ny zanakai-lahy sy ny zanakai-vavy sy ny ondry aman' osinay ary ny ombinay ho entinay handeha; fa hisy andro firavoravoanay ho an' i Jehovah. **10** Fa hoy Farao taminy: Aoka homba anareo ihany anie Jehovah, raha handefa anareo mbamin' ny zanakareo madinika aho; mitandrema, fa misy ratsy eo anoloanareo. **11** Tsy izany, fa mandehana ianareo lehilahy lehibe ka manompoa an' i Jehovah, fa izany no tadiavinareo. Ary izy roa lahy dia noroahina hiala teo anatrehan' i Farao. **12** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Ahinjiro ambonin' ny tany Egypta ny tananao hihavian' ny valala, dia hiakatra ho eto amin' ny tany Egypta ireny, ary dia hihinana ny zava-maniry amin' ny tany, dia izay rehetra sisan' ny havandra. **13** Dia nahinjitr' i Mosesy tambonin' ny tany Egypta ny tehiny, ary Jehovah nitondra rivotra avy any atsinanana hankany amin' ny tany mandritra iny andro sy iny alina iny; ary nony maraina dia nitondra ny valala ny rivotra avy any atsinanana. **14** Ary ny valala niakatra ho amin' ny tany Egypta rehetra, dia nipetraka nanerana ny tany Egypta rehetra; ary nampahory indrindra ireny, ka tsy nisy valala toy izany tany aloha, ary ato aoriany koa tsy hisy toy izany. **15** Fa nandrakotra ny tany rehetra ireny, ka efa maizina ny tany; ary nohaniny ny anana rehetra teo amin' ny tany sy ny voankazo rehetra, izay sisan' ny havandra; ka dia tsy nisy sisa ny zava-maitso eran' ny tany Egypta rehetra, na tamin' ny hazo, na tamin' ny anana tany an-tsaha. **16** Ary Farao dia nampaka an' i Mosesy sy Arona faingana ka nanao hoe: Efa nanota tamin' i Jehovah Andriamanitrareo sy taminareo aho. **17** Ary ankehitriny, masìna ianao mamela ny fahotako izao indray mandeha izao ihany, ka mangataha amin' i Jehovah Andriamanitrareo hampialany amiko izao mahafaty iray loha izao monja. **18** Dia niala teo amin' i Farao izy ka nangataka tamin' i Jehovah. **19** Ary Jehovah nahatonga rivotra mahery indrindra avy andrefana kosa, izay nitondra ny valala ka namarina azy tao amin' ny Ranomasina Mena; dia tsy nisy sisa intsony ny valala eran' ny tany Egypta rehetra, na dia iray akory aza. **20** Nefa Jehovah nanamafy ny fon' i Farao, ka tsy nandefa ny Zanak' Isiraely izy. **21** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Ahinjiro manandrify ny lanitra ny tananao, mba hisy aizina amin' ny tany Egypta, dia aizina azo tsapaina. **22** Dia nahinjitr' i Mosesy nanandrify ny lanitra ny tànany; dia nisy aizim-pito eran' ny tany Egypta rehetra hateloana, **23** koa tsy mba nifankahita ny olona, na niala tamin' izay nitoerany, hateloana; fa ny Zanak' Isiraely rehetra kosa nisy mazava teo amin' ny fonenany. **24** Ary Farao dia nampaka an' i Mosesy ka nanao hoe: Mandehana ianareo, manompoa an' i Jehovah; fa ny ondry aman' osinareo sy ny ombinareo ihany no aoka havelanareo; ary ny zanakareo madinika dia aoka hiaraka aminareo koa. **25** Ary hoy Mosesy: Hianao no hanolotra eto an-tananay izay fanatitra dorana sy fanatitra hafa alatsa-drà haterinay ho an' i Jehovah Andriamanitray; **26** ary ny omby aman' ondrinay dia ho entinay hiaraka aminay koa; fa tsy hisy havela na dia ny kitrony iray aza, satria ireny no hangalanay hanompoana an' i Jehovah Andriamanitray; ary tsy mbola fantatray izay ho entinay manompo an' i Jehovah mandra-pahatonganay any. **27** Ary Jehovah dia nanamafy ny fon' i Farao, ka tsy nety nandefa azy izy. **28** Ary hoy Farao taminy: Mialà amiko; koa mitandrema, fa aoka tsy hahita ny tavako intsony ianao; fa amin' izay andro hahitanao ny tavako dia ho faty ianao. **29** Ary hoy Mosesy: Marina izay nolazainao; fa tsy hahita ny tavanao intsony aho.

11 Fa Jehovah nilaza tamin' i Mosesy, hoe: Mbola hahatonga loza iray koa amin' i Farao sy Egypta Aho; ary rehefa afaka izany, dia handefa anareo hiala atỳ izy; ary rehefa handefa anareo rehetra izy, dia handroaka anareo fatratra hiala atỳ. **2** Koa mitenena amin' ny olona, ary aoka ny lehilahy samy hangataka firavaka volafotsy sy firavaka volamena amin' ny namany avy, ary ny vehivavy amin' ny namany avy koa. **3** Dia nataon' i Jehovah nahita fitia teo imason' ny Egyptiana ny olona. Ary Mosesy dia lehilahy malaza indrindra teo amin' ny tany Egypta, dia teo imason' ny mpanompon' i Farao sy teo imason' ny vahoaka. **4** Ary hoy Mosesy: Izao no lazain' i Jehovah: Rehefa tokony ho mamatonalina Izaho hivoaka hankeo afovoan' i Egypta, **5** dia ho faty ny lahimatoa rehetra eto amin' ny tany Egypta, hatramin' ny matoan' i Farao izay mipetraka eo ambonin' ny

seza fiandrianany ka hatramin' ny matoan' ny ankizivaviny izay eo anilan' ny fikosoham-bary, ary ny voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra. **6** Ary hisy fidradradradrana mafy eran' ny tany Egypta rehetra, izay tsy mbola nisy tahaka izany, sady tsy hisy tahaka izany intsony. **7** Kanefa tsy hisy na dia alika aza hanetsika ny lela ny amin' ny Zanak' Isiraely rehetra, na amin' ny olona, na amin' ny biby, mba ho fantatrareo ny tsi-fampitovian' i Jehovah ny Egyptiana sy ny Isiraely. **8** Ary hidina ho ao amiko ireo mpanomponao rehetra ireo dia hiankohoka eo anatrehako ka hanao hoe: Mandehana ianao sy ny olona rehetra izay manaraka anao; ary rehefa afaka izany, dia vao handeha aho. Dia niala teo amin' i Farao tamin' ny fahatezerana mirehitra Mosesy. **9** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Tsy hihaino anareo Farao, mba hitomboan' ny fahagagana izay nataoko eto amin' ny tany Egypta. **10** Ary Mosesy sy Arona nanao ireo fahagagana rehetra ireo teo amin' i Farao; nefa Jehovah nanamafy ny fon' i Farao, ka tsy nandefa ny Zanak' Isiraely hiala tamin' ny taniny izy.

12 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona teo amin' ny tany Egypta ka nanao hoe: **2** Ity volana ity ho voaloham-bolana ho anareo; dia ho voaloham-bolana amin' ny taona ho anareo izy. **3** Mitenena ianareo amin' ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, ka manaova hoe: Amin' ny andro fahafolo amin' ity volana ity dia aoka samy haka zanak' ondry iray avy izy rehetra, araka ny fianakaviany, dia zanak' ondry iray avy no ho an' ny isan-trano; **4** ary raha vitsy loatra ny iray trano ka tsy mahalany zanak' ondry iray, dia aoka izy sy izay namany mifanakaiky trano aminy haka araka izay isan' ny olona; ny olona rehetra samy araka izay tokony ho laniny avy no hanisanareo ny zanak' ondry. **5** Zanak' ondry tsy misy kilema, dia lahy izay iray taona, no halainareo; halainareo amin' ny ondry na amin' ny osy izy; **6** ary hotehirizinareo izy hatramin' ny andro fahefatra ambin' ny folo amin' ity volana ity; dia hamono azy amin' ny hariva ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra. **7** Ary hanalany ny rà, ka hatentiny amin' ny tolam-baravarana roa sy amin' ny tataom-baravaran' ny trano izay hihinanany azy. **8** Dia hohaniny amin' izany alina izany ny hena; voatsatsika tamin' ny afo no hihinanany azy mbamin' ny mofo tsy misy masirasira sady hampiarahina amin' ny anana mangidy. **9** Aza hanina manta na voahandro amin' ny rano izy, fa atsatsiho amin' ny afo mbamin' ny lohany sy ny tongony ary ny fadiny. **10** Ary aza asianareo sisa ho tra-maraina; fa raha tahìny misy sisa tsy lany ka tra-maraina, dia hodoranareo amin' ny afo. **11** Ary toy izao no hataonareo, raha mihinana azy: ny valahanareo ho voasikina, ny kapanareo ho eo amin' ny tongotrareo, ary ny tehinareo ho eny an-tananareo; dia hohaninareo faingana izy, fa Paskan' i Jehovah. **12** Fa handeha hamaky ny tany Egypta amin' izany alina izany Aho ka hamono ny matoa rehetra amin' ny tany Egypta hatramin' ny olona ka hatramin' ny biby fiompy; ary ny andriamanitry ny Egyptiana dia hotsaraiko avokoa: Izaho no Jehovah. **13** Ary ny rà dia ho famantarana ho anareo eo amin' ny trano izay itoeranareo; ary raha mahita ny rà Aho, dia handalo anareo, ka tsy hisy loza handringana anareo, raha mamely ny tany Egypta Aho. **14** Ary izany andro izany dia ho fahatsiarovana ho anareo ka hotandremanareo ho andro firavoravoana ho an' i Jehovah; hatramin' ny taranakareo fara mandimby no hitandremanareo izany ho andro firavoravoana, ho lalana mandrakizay. **15** Hafitoana no hihinanananareo mofo tsy misy masirasira: amin' ny voalohan' andro no hanesoranareo ny masirasira amin' ny tranonareo; fa na iza na iza homana mofo misy masirasira hatramin' ny andro voalohany ka hatramin' ny fahafito dia hofongorana tsy ho amin' ny Isiraely. **16** Ary amin' ny andro voalohany dia hisy fivoriana masìna ho anareo ary amin' ny andro fahafito koa hisy fivoriana masìna; tsy hanao raharaha akory ianareo amin' izany andro izany, afa-tsy izay hohanin' ny isan-olona, dia izany ihany no hamboarinareo. **17** Ary hitandrina ny andron' ny mofo tsy misy masirasira ianareo, fa izany andro izany indrindra no nitondrako ny antokonareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta; dia hotandremanareo izany hatramin' ny taranakareo fara mandimby ho lalàna mandrakizay. **18** Amin' ny andro fahefatra ambin' ny folo amin' ny volana voalohany, nony hariva, no hihinanananareo mofo tsy misy masirasira ambara-paharivan' ny andro fahiraika amby roa-polo amin' ny volana. **19** Hafitoana no tsy hisiana masirasira ao an-tranonareo; fa na iza na iza homana izay misy masirasira dia hofongorana tsy ho amin' ny fiangonan' ny Isiraely, na vahiny na tompon-tany. **20** Tsy hihinana na inona na inona izay misy masirasira ianareo; fa samy hihinana mofo tsy misy masirasira ao amin' izay itoeranareo rehetra avy ianareo. **21** Dia nampanalain' i Mosesy ny loholon' ny Isiraely rehetra, ka hoy izy taminy: Mandehana ianareo ka makà ondry ho anareo araka ny fokom-pirenenareo avy, ka vonoy ny Paska. **22** Dia makà hysopa iray fihina, ka atsobohy amin' ny rà izay ao anatin' ny bakoly ary ny rà izay ao anatin' ny bakoly dia anenteno amin' ny tataom-baravarana sy ny tolana roa; ary aza misy mivoaka eo am-baravaran' ny tranonareo avy ianareo ambara-pahamarain' ny andro. **23** Fa Jehovah handeha hamely ny Egyptiana; ary raha mahita ny rà eo amin' ny tataom-baravarana sy ny tolana roa Jehovah, dia handalo ny varavarana, ka tsy havelany hiditra ao an-tranonareo hamely anareo ny mpandringana. **24** Ary hitandrina izany zavatra izany, ianareo ho lalàna ho anareo sy ho an' ny taranakareo mandrakizay. **25** Ary rehefa tonga any amin' ny tany izay homen' i Jehovah anareo araka izay nolazainy ianareo, dia tandremo izany fanompoana izany. **26** Ary raha hanontany anareo ny zanakareo hoe: Inona no anton' izao fanompoana ataonareo izao? **27** dia holazainareo hoe: Izao dia famonoana ny Paskan' i Jehovah, Izay nandalo ny tranon' ny Zanak' Isiraely tany Egypta, raha namely ny Egyptiana Izy, fa namonjy ny tao an-tranontsika. Dia niondrika ny olona ka nivavaka. **28** Ary dia nandeha ny Zanak' Isiraely ka nanao izany; araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy sy Arona no nataony. **29** Ary nony namatonalina Jehovah namono ny lahimatoa rehetra tany amin' ny tany Egypta, hatramin' ny lahimatoan' i Farao izay nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianany ka hatramin' ny lahimatoan' ny babo izay

tao amin' ny trano-maizina, mbamin' izay voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra. **30** Ary nifoha raha mbola alina Farao, dia izy sy ny mpanompony rehetra ary ny Egyptiana rehetra, fa nisy fidradradradrana mafy tany Egypta, satria tsy nisy trano izay tsy nahafatesana. **31** Dia nampaka an' i Mosesy sy Arona izy, raha mbola alina, ka nanao hoe: Mitsangàna, mialà eto amin' ny vahoakako ianareo sy ny Zanak' Isiraely, ary mandehana ka manompoa an' i Jehovah araka ny nolazainareo. **32** Ary ny ondry aman' osinareo sy ny ombinareo dia ento koa araka izay efa nolazainareo, ka mandehana; fa mba tsofy rano aho. **33** Dia nandodona ny olona ny Egyptiana ka nampandeha azy faingana hiala tamin' ny tany, satria hoy izy: Maty avokoa izahay rehetra. **34** Dia nentin' ny olona ny kobany voalena, raha tsy mbola voaisy masirasira, sy ny viliany fanaova-mofo voafehy ao amin' ny lambany teny an-tsorony. **35** Ary ny Zanak' Isiraely nanao araka ny tenin' i Mosesy ka nangataka firavaka volafotsy sy firavaka volamena ary fitafiana tamin' ny Egyptiana. **36** Ary nataon' i Jehovah nahita fitia teo imason' ny Egyptiana ny olona, ka nomen' ireo azy izay nangatahiny, ka dia nofoanany ny Egyptiana. **37** Dia niainga tao Ramesesa ny Zanak' Isiraely ka nankany Sokota, dia lehilahy mahalia lalana tokony ho enina hetsy, afa-tsy ny zaza amim-behivavy. **38** Ary nisy olona maro samy hafa firenena koa niara-niakatra taminy, ary ondry aman' osy sy omby, dia fananana be indrindra. **39** Dia nanendy mofo tsy nisy masirasira tamin' ny koba voalena izay nentiny avy tany Egypta izy: fa tsy mbola voaisy masirasira izany, satria noroahina tany Egypta izy ka tsy nahazo nijanona sady tsy nahafehy vatsy ho azy. **40** Ary ny andro nitoeran' ny Zanak' Isiraely tany Egypta dia telo-polo amby efa-jato taona. **41** Ary rehefa tapitra ny telo-polo amby efa-jato taona, dia tamin' izany andro izany indrindra no nivoahan' ny antokony rehetra izay an' i Jehovah tamin' ny tany Egypta. **42** Alina notandreman' i Jehovah izany, hitondrany azy hivoaka avy tamin' ny tany Egypta; eny, izany alina izany dia an' i Jehovah ka hotandreman' ny Zanak' Isiraely rehetra hatramin' ny taranany fara mandimby. **43** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy sy Arona: Izao no lalàn' ny Paska: Tsy hisy olona hafa firenena hihinana azy. **44** Ary ny andevolahin' ny olona rehetra izay novidim-bola dia hoforana aloha vao mba hihinana. **45** Ny vahiny sy ny mpikarama tsy mba hihinana azy. **46** Ao an-trano iray no hihinanana azy; tsy hamoahanao eny ala-trano akory ny hena, ary tsy hisy hotapahinareo ny taolany na dia iray aza. **47** Ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, hitandrina izany. **48** Ary raha misy mivahiny eo aminao ka mba te-hitandrina ny Paskan' i Jehovah, dia aoka hoforana ny lehilahy rehetra eo aminy vao manatona hitandrina izany, ka ho tahaka ny tompon-tany ihany izy; fa ny tsy voafora rehetra kosa dia tsy mahazo mihinana izany. **49** Lalàna iray no ho amin' ny tompon-tany sy ny vahiny izay mitoetra eo aminareo. **50** Dia nataon' ny Zanak' Isiraely rehetra izany: araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy sy Arona no nataony. **51** Ary tamin' izany andro izany indrindra no nitondran' i Jehovah ny Zanak' Isiraely nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta araka ny antokony.

13 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Hamasino ho Ahy ny lahimatoa rehetra, dia izay voalohan-teraka rehetra eo amin' ny Zanak' Isiraely, na olona na biby fiompy: Ahy ireny. **3** Dia hoy Mosesy tamin' ny olona: Tsarovy izao andro izao, izay nivoahanareo avy tany Egypta, tamin' ny trano nahandevozana, fa tamin' ny tanana mahery no nitondran' i Jehovah anareo nivoaka avy tany; koa aza misy mihinana izay misy masirasira. **4** Izao andro amin' ny volana Abiba izao no ivoahanareo **5** Ary raha hitondra anao Jehovah ho any amin' ny tanin' ny Kananita sy ny Hetita sy ny Amorita sy ny Hivita ary ny Jebosita, izay nianianany tamin' ny razanao homena anao, dia tany tondra-dronono sy tantely, dia hanao izany fanompoana izany ianao amin' izao volana izao. **6** Hafitoana no hihinananao mofo tsy misy masirasira, ary amin' ny andro fahafito dia hisy andro firavoravoana ho an' i Jehovah. **7** Ny mofo tsy misy masirasira hohanina mandritra ny hafitoana; ary tsy hisy eo aminao izay mofo misy masirasira, ary tsy hisy izay masirasira akory ao aminao eny amin' ny taninao rehetra. **8** Dia hambaranao amin' ny zanakao amin' izany andro izany hoe: Noho ny nataon' i Jehovah tamiko tamin' ny nivoahako avy tany Egypta no anaovako izao. **9** Dia ho famantarana ho anao eo amin' ny tananao ary ho fampahatsiarovana eo ambonin' ny handrinao izany, mba ho ao am-bavanao ny lalàn' i Jehovah: fa tanana mahery no nitondran' i Jehovah anao nivoaka avy tany Egypta. **10** Dia tandremo amin' ny fotoany isan-taona izao lalàna izao. **11** Ary raha hitondra anao Jehovah ho any amin' ny tanin' ny Kananita araka izay nianianany taminao sy ny razanao, ka homeny anao izany, **12** dia hatokanao ho an' i Jehovah izay voalohan-teraka rehetra: ny voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra izay anananao, dia ho an' i Jehovah ny lahy rehetra; **13** ary ny voalohan-teraky ny boriky dia hosoloanao zanak' ondry; fa raha tsy hanolo azy ianao, dia hofolahinao ny vozony; ary ny lahimatoa rehetra amin' ny olona eo amin' ny zanakao dia havotanao. **14** Ary raha hanontany anao ny zanakao amin' ny andro ho avy ka hanao hoe: Inona no anton' izao? dia holazainao aminy hoe: Tanana mahery no nitondran' i Jehovah antsika nivoaka avy tany Egypta, tamin' ny trano nahandevozana; **15** ary raha nanamafy ny fony ka tsy nandefa antsika Farao, dia novonoin' i Jehovah ny lahimatoa rehetra tany amin' ny tany Egypta, hatramin' ny lahimatoan' ny olona ka hatramin' ny voalohan-teraky ny biby; koa izany no anaterako ho an' i Jehovah ny lahy voalohan-teraka rehetra, fa ny lahimatoa rehetra amin' ny zanako dia soloako. **16** Ary ho famantarana eo amin' ny tananao sy ho fehy eo ambonin' ny handrinao izany; fa tanana mahery no nitondran' i Jehovah antsika nivoaka avy tany Egypta. **17** Ary rehefa nalefan' i Farao ny olona, dia tsy mba nentin' Andriamanitra tamin' ny lalana nankany amin' ny tanin' ny Filistina izy, na dia akaiky aza izany; fa hoy Andriamanitra: Andrao hanenina ny olona, raha mahita ady, ka hiverina any Egypta. **18** Fa nentin' Andriamanitra nivily ho amin' ny lalana mahazo any an-efitra amoron' ny Ranomasina Mena ny olona; ary voaomana hiady ny fiakatry ny Zanak' Isiraely avy tany amin' ny tany Egypta. **19** Ary nentin' i

Mosesy niaraka taminy ny taolan' i Josefa, satria Josefa efa nampianiana dia nampianiana ny Zanak' Isiraely ka nanao hoe: Hamangy anareo tokoa Andriamanitra, dia hitondra ny taolako hiala atỳ miaraka aminareo ianareo. **20** Dia nifindra niala tao Sokota izy ka nitoby tao Etama teo an-tsisin' ny efitra. **21** Ary Jehovah nandeha teo alohany tamin' ny andri-rahona raha antoandro hitari-dalana azy, ary tamin' ny andri-afo nony alina ho fahazavana ho azy, handehanany andro aman' alina. **22** Ny andri-rahona tsy niala teo alohan' ny olona raha antoandro, na ny andri-afo nony alina.

14 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Lazao amin' ny Zanak' Isiraely mba hivily izy ka hitoby eo akaikin' i Pi-hahirota, eo anelanelan' i Migdolasy ny ranomasina; eo akaikin' i Bala-zefona, dia tandrifiny, no hitobianareo, eo amoron' ny ranomasina. **3** Ary Farao hilaza ny Zanak' Isiraely hoe: Azon' ny tamberintany izy ka voahidin' ny efitra. **4** Dia hanamafy ny fon' i Farao Aho, ka hanenjika anareo izy; dia hankalazaina Aho noho ny hataoko amin' i Farao sy amin' ny miaramilany rehetra, ka ho fantatry ny Egyptiana fa Izaho no Jehovah. Dia nataon' ny Zanak' Isiraely izany. **5** Ary nisy nanambara tamin' ny mpanjakan' i Egypta fa efa nandositra ny olona, dia niova ny fon' i Farao sy ny mpanompony ny amin' ny olona, ka hoy izy: Inona izao nataontsika izao, no nandefa ny Isiraely hiala tamin' ny fanompoany antsika isika? **6** Dia nasainy nofehezina tamin' ny kalesy ny soavaly, sady nitondra ny vahoakany hanaraka azy izy. **7** Ary nitondra kalesy enin-jato voafantina sy ny kalesin' ny Egyptiana rehetra izy, izay samy nisy mpiady avy izy rehetra. **8** Ary Jehovah nanamafy ny fon' i Farao, mpanjakan' i Egypta, dia nanenjika ny Zanak' Isiraely izy, na dia tamin' ny tanana avo aza no nivoahany. **9** Koa nanenjika azy ny Egyptiana, dia ny soavaly rehetra mitarika ny kalesin' i Farao sy ny soavaliny fitaingina ary ny miaramilany, ka nahatratra azy nitoby teo amoron' ny ranomasina, teo anilan' i Pi-hahirota, tandrifin' i Balazefona. **10** Ary rehefa mby akaiky Farao, dia natopin' ny Zanak' Isiraely ny masony, ka, indreo, ny Egyptiana tamy manenjika azy; dia raiki-tahotra indrindra ny Zanak' Isiraely ka nitaraina tamin' i Jehovah. **11** Ary hoy koa izy tamin' i Mosesy: Moa tsy nisy fasana va tany Egypta, no nentinao ho faty atỳ an-efitra izahay? Nahoana no nanao izany taminay ianao ka nitondra anay nivoaka avy tany Egypta? **12** Tsy izao va no teny nolazainay taminao fony tany Egypta hoe: Aoka izay fa avelao ihany izahay hanompo ny Egyptiana? Fa aleonay manompo ny Egyptiana toy izay ho faty any an-efitra. **13** Ary hoy Mosesy tamin' ny olona: Aza matahotra ianareo, mijanòna, fa ho hitanareo ny famonjen' i Jehovah, izay hataony ho anareo anio; fa ny Egyptiana, izay hitanareo anio, dia tsy ho hitanareo intsony mandrakizay. **14** Jehovah hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina. **15** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Nahoana no mitaraina amiko ianao? lazao amin' ny Zanak' Isiraely mba handroso. **16** Ary aingao ny tehinao, dia ahinjiro ambonin' ny ranomasina ny tananao, ka saraho ny rano, dia handeha hamaky eo afovoan' ny ranomasina mandia ny tany maina ny Zanak' Isiraely. **17** Ary, indro, Izaho hanamafy ny fon' ny Egyptiana, ka hiditra hanenjika azy izy; dia hankalazaina Aho noho ny hataoko amin' i Farao sy amin' ny miaramilany rehetra mbamin' ny kalesiny sy ny mpitaingin-tsoavaliny, **18** dia ho fantatry ny Egyptiana fa Izaho no Jehovah, rehefa ankalazaina Aho noho ny ataoko amin' i Farao sy ny kalesiny sy ny mpitaingin-tsoavaliny. **19** Ary Ilay Anjelin' Andriamanitra, Izay nandeha teo alohan' ny tobin' ny Isiraely, dia nifindra ka nankeo aoriany; ary ny andri-rahona nifindra niala teo alohany dia nijanona teo aoriany **20** ka tonga teo anelanelan' ny tobin' ny Egyptiana sy ny tobin' ny Isiraely: dia teo ihany ny rahona sy ny fahamaizinana, nefa nampahazava ny alina kosa, ka dia tsy nifanatona izy roa tonta mandritra ny alina. **21** Dia nahinjitr' i Mosesy teo ambonin' ny ranomasina ny tànany; ary rivotra mahery avy atsinanana no nampisavan' i Jehovah ny ranomasina mandritra iny alina iny, ka nataony tany maina ny ranomasina, ary dia voasaraka ny rano. **22** Dia nandeha teo afovoan' ny ranomasina nandia ny tany maina ny Zanak' Isiraely; ary ny rano dia tonga fefy ho azy teo amin' ny ankavanany sy teo amin' ny ankaviany. **23** Dia nanenjika azy ny Egyptiana ka niditra nanaraka azy teo afovoan' ny ranomasina, dia ny soavalin' i Farao rehetra sy ny kalesiny ary ny mpitaingin-tsoavaliny. **24** Ary tamin' ny fiambenana maraina dia nijery ny tobin' ny Egyptiana tao amin' ny andri-afo sy ny rahona Jehovah ka nampifanaritaka ny tobin' ny Egyptiana. **25** Ary nanala ny kodian' ny kalesiny Izy ka nampahasarotra ny nandehanany, dia hoy ny Egyptiana: Aoka handositra ny tavan' ny Isiraely isika, fa Jehovah no miady amin' ny Egyptiana ho an' ireo. **26** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Ahinjiro eo ambonin' ny ranomasina ny tananao, mba hikatonan' ny rano amin' ny Egyptiana mbamin' ny kalesiny sy ny mpitaingin-tsoa valiny. **27** Dia nahinjitr' i Mosesy teo ambonin' ny ranomasina ny tànany, ka nikatona ho tahaka ny teo ny ranomasina, rehefa nadiva ho maraina ny andro; ary ny Egyptiana nandositra, kanjo nitsena ny rano ihany izy, dia narian' i Jehovah teo afovoan' ny ranomasina ny Egyptiana. **28** Ary dia nikatona ny rano ka nanarona ny kalesy sy ny mpitaingin-tsoavaly, dia ny miaramilan' i Farao rehetra izay niditra teo amin' ny ranomasina nanenjika ny Zanak' Isiraely; koa tsy nisy niangana na dia iray akory aza. **29** Fa ny Zanak' Isiraely kosa nandeha tamin' ny tany maina teo afovoan' ny ranomasina; ary ny rano dia tonga fefy ho azy teo amin' ny ankavanany sy teo amin' ny ankaviany. **30** Izany no namonjen' i Jehovah ny Isiraely tamin' izany andro izany mba tsy ho azon' ny Egyptiana; ary hitan' ny Isiraely teny amoron' ny ranomasina ny fatin' ny Egyptiana. **31** Ary rehefa hitan' ny Isiraely ny asa lehibe izay nataon' ny tànan' i Jehovah tamin' ny Egyptiana, dia natahotra an' i Jehovah ny olona ka nino an' i Jehovah sy Mosesy mpanompony.

15 Ary Mosesy sy ny Zanak' Isiraely dia nihira izao fihirana izao ho an' i Jehovah ka nanao hoe: Hihira ho an' i Jehovah aho, fa avo indrindra Izy; ny soavaly sy ny mpitaingina azy efa nariany ao amin' ny ranomasina. **2** Jehovah no heriko sy fiderako, fa efa famonjena ahy Izy; izao no Andriamanitro, ka hankalaza Azy aho, dia

Andriamanitry ny razako, ka hanandratra Azy aho. **3** Jehovah dia mpiady mahery, Jehovah no anarany. **4** Ny kalesin' i Farao sy ny miaramilany natsipiny ao amin' ny ranomasina; ary ny kapiteny voafantina nasitrika ao amin' ny Ranomasina Mena. **5** Ny lalina nanarona azy: Nilentika tany ambany indrindra tahaka ny vato izy. **6** Ny tananao ankavanana, Jehovah ô, efa malaza amin' ny hery; ny tananao ankavanana, Jehovah ô, manorotoro ny fahavalo. **7** Amin' ny halehiben' ny voninahitrao no andringananao izay nitsangana hanohitra Anao; alefanao ny fahatezeranao mirehitra, izay mandevona azy toy ny mololo. **8** Ary ny fofonain' ny vavoronao no nanangonanao ny rano; nivongovongo toy ny antontan-javatra ny rano maria; nandry teo afovoan' ny ranomasina ny lalina. **9** Hoy ny fahavalo: Hanenjika aho, hahatratra aho, hizara babo aho ka hanao izay sitraky ny foko aminy, hotsoahako ny sabatra, ka hamongotra azy ny tanako. **10** Ny fofonainao no nitsofanao, dia nanarona azy ny ranomasina: nilentika tahaka ny firaka ao amin' ny rano mahery izy. **11** Jehovah ô, iza moa no tahaka Anao amin' izay andriamanitra? Iza moa no tahaka Anao, Izay ankalazaina amin' ny fahamasinana, deraina amin' ny fahatahorana, Mpanao fahagagana? **12** Nahinjitrao ny tananao ankavanana, dia nitelina ireo ny tany. **13** Tarihinao amin' ny famindramponao ny firenena izay navotanao, ka entinao amin' ny herinao ho any amin' ny fonenanao masìna izy. **14** Mandre ny firenena ka raiki-tahotra; Hovitra no mahazo ny mponina any Filistia; **15** Toran-kovitra ny loham-pirenen' i Edoma; azon-korohoro ny lehilahy maherin' i Moaba; reraka ny fon' izay rehetra monina any Kanana. **16** Mahazo azy ny tahotra sy ny hovitra; Noho ny halehiben' ny sandrinao dia mangìna tahaka ny vato izy, mandra-pandalon' ny olonao, Jehovah ô, mandra-pandalon'ny olona izay navotanao. **17** Dia hampiditra azy Hianao ka hamponina azy ao amin' ny tendrombohitra lovanao, ao amin' ny fitoerana nataonao hitoeranao, Jehovah ô, dia ao amin' ny fitoerana masìna naorin' ny tananao, Tompo ô. **18** Jehovah hanjaka mandrakizay doria. **19** Fa niditra teo amin' ny ranomasina ny soavalin' i Farao sy ny kalesiny ary ny mpitaingin-tsoavaliny, ary Jehovah nampikatona ny ranomasina taminy; fa ny Zanak' Isiraely kosa nandeha tamin' ny tany maina teo afovoan' ny ranomasina. **20** Ary Miriama mpaminanivavy, anabavin' i Arona, dia nitondra ny ampongatapaka teny an-tànany; ary nivoaka nanaraka azy ny vehivavy rehetra nitondra ampongatapaka sady nandihy. **21** Ary Miriama namaly ireo lehilahy ireo ka nihira hoe: Mihira ho an' i Jehovah, fa avo indrindra Izy; ny soavaly sy ny mpitaingina azy nariany ao amin' ny ranomasina. **22** Ary Mosesy nitondra ny Isiraely nifindra avy teo amoron' ny Ranomasina Mena, dia nandroso ho any amin' ny efitra Sora izy; ary nandeha hateloana tany an-efitra izy fa tsy nahita rano. **23** Dia tonga tao Mara izy, fa tsy nahasotro ny rano tao Mara, satria nangidy izany; koa izany no nanaovany ny anarany hoe Mara **24** Dia nimonomonona tamin' i Mosesy ny olona ka nanao hoe: Inona no hosotroinay? **25** Ary dia nitaraina tamin' i Jehovah izy, ka dia nanehoan' i Jehovah hazo anankiray, ary rehefa natsipiny tao anatin' ny rano izany, dia tonga mamy ny rano. Tao no nanomezan' i Jehovah lalàna sy fitsipika ho azy, ary tao no nizaha ny toetra azy, **26** ka hoy Izy: Raha hazoto hihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny, izay nataoko tamin' ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay mahasitrana anao. **27** Ary tonga tao Elima izy; ary tao nisy loharano roa ambin' ny folo sy hazo rofia fito-polo, dia nitoby teo anilan' ny rano izy.

16 Ary tamin' ny andro fahadimy ambin' ny folo tamin' ny volana faharoa taorian' ny nialany tany amin' ny tany Egypta dia nifindra niala tao Elima ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, ka nankany amin' ny efitra Sina, izay eo anelanelan' i Elima sy Sinay. **2** Dia nimonomonona tamin' i Mosesy sy Arona tany an-efitra ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, **3** ka nanao taminy hoe: Inay anie izahay mba matin' ny tànan' i Jehovah tany amin' ny tany Egypta, raha nipetraka teo anilan' ny fahandroan-kena ka nihinan-kanina ho voky; fa nitondra anay nivoaka ho atỳ an-efitra ianareo hahafaty mosary izao fiangonana rehetra izao. **4** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Indro, Izaho handatsaka mofo avy any an-danitra ho anareo; dia hivoaka ny olona ka hanangona izay sahaza hohaniny isan' andro, hizahako toetra azy, na handeha manaraka ny lalako izy, na tsia. **5** Ary raha mby amin' ny andro fahenina dia hamboariny izay azony; ary hisy indroa toraka izay angoniny isan' andro. **6** Ary hoy Mosesy sy Arona tamin' ny Zanak' Isiraely rehetra: Anio hariva dia ho fantatrareo fa Jehovah no nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta; **7** ary rahampitso maraina dia ho hitanareo ny voninahitr' i Jehovah, fa efa reny ny fimonomononanareo tamin' i Jehovah; fa izahay moa no inona, no imonomononanareo? **8** Ary hoy koa Mosesy; Ho hitanareo izany, raha homen' i Jehovah hena hohanina ianareo anio hariva, ary mofo hahavoky rahampitso maraina; fa efa ren' i Jehovah ny fimonomononanareo, izay nimonomononanareo taminy; fa izahay moa no inona? Tsy izahay no imonomononanareo, fa Jehovah. **9** Ary hoy Mosesy tamin' i Arona: Lazao amin' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, hoe: Manatòna eo anatrehan' i Jehovah; fa efa reny ny fimonomononanareo. **10** Ary raha Arona mbola niteny tamin' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, dia nijery nanatrika ny efitra izy ireo, ka, indro, ny voninahitr' i Jehovah niseho teo amin' ny rahona. **11** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **12** Efa reko ny fimonomononan' ny Zanak' Isiraely, koa mitenena aminy hoe: Anio hariva dia hihinan-kena ianareo, ary rahampitso maraina kosa dia ho voky mofo ianareo, ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **13** Ary nony hariva dia niakatra ny papelika, ka rakotra azy ny toby; ary nony maraina dia nisy ando manodidina ny toby; **14** ary nony niala ny ando, dia, indro, nisy zava-madinika boribory teny amin' ny efitra, madinika toy ny fanala amin' ny tany. **15** Ary rehefa hitan' ny Zanak' Isiraely izany, dia nifanontany hoe izy: Inona itony? satria tsy fantany ireny. Dia hoy Mosesy taminy: Itony

no mofo izay nomen' i Jehovah ho fihinanareo. **16** Izao no teny izay nandidian' i Jehovah: Samia manangona azy ianareo araka izay tokony ho laninareo avy, dia eran' ny vata omera avy ho amin' ny isan-olona, araka ny isanareo; samia mitondra ianareo rehetra ho an' izay ao an-dainy avy. **17** Dia nanao izany ny Zanak' Isiraely, ka samy nanangona: ny sasany nanangona be, ary ny sasany kosa kely. **18** Ary raha nafatrany tamin' ny vata omera izany, dia tsy nanana amby ny nanangona be, ary ny nanangona kely tsy nanana ny tsy ampy; samy nanangona araka izay fihinany avy izy. **19** Ary hoy Mosesy taminy: Aza misy mamela sisa ho tra-maraina. **20** Kanefa tsy mba nanaraka ny tenin' i Mosesy izy, fa namela sisa ho tra-maraina ihany ny olona sasany, dia niteraka olitra izany ka maimbo; ary dia tezitra tamin' ny olona Mosesy. **21** Ary nanangona ny mana isa-maraina ny olona, dia samy araka izay fihinany avy; ary nony nafana ny andro, dia levona ireny. **22** Ary nony tamin' ny andro fahenina dia nanangona avy sasaka noho ny isan' andro ny olona, dia indroan' ny vata omera ho an' ny isan-olona avy; dia avy ny lohan' ny fiangonana ka nanambara tamin' i Mosesy. **23** Ary hoy Mosesy taminy: Izao no lazain' i Jehovah: Rahampitso dia tena andro fitsaharana masìna ho an' i Jehovah; koa manendasa izay hendasinareo, ary mahandroa izay handrahoinareo, ary izay sisa rehetra dia avelao ho anareo, hotehirizina ho tra-maraina. **24** Dia namela izany ho tra-maraina izy, araka izay nandidian' i Mosesy; ary tsy mba maimbo na niteraka olitra izany. **25** Ary hoy Mosesy: Hano ireny anio, fa Sabata ho an' i Jehovah anio, ka anio no tsy hahitanareo azy any an-tsaha. **26** Henemana no hanangonanareo azy; fa Sabata ny andro fahafito, ka dia tsy hisy amin' izany. **27** Ary nony tamin' ny andro fahafito dia nisy olona nivoaka hanangona, fa tsy nahita na dia kely akory aza. **28** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mandra-pahoviana no handavanareo tsy hitandrina ny didiko sy ny lalàko? **29** Saino fa Jehovah no nanome anareo ny Sabata, koa izany no anomezany anareo mofo ampy ho indroa andro amin' ny andro fahenina; samia mitoetra eo amin' ny fitoerany avy ianareo, ka aoka tsy hisy hiala amin' ny fitoerany amin' ny andro fahafito. **30** Dia nitsahatra ny olona tamin' ny andro fahafito. **31** Ary ny anarany dia nataon' ny taranak' Isiraely hoe Mana; ary tahaka ny voan-drafy izy sady fotsy; ary ny fanandramana azy dia tahaka ny mofo misy tantely. **32** Ary hoy Mosesy: Izao no teny izay nandidian' i Jehovah: Analao eran' ny vata omera izy hotehirizina hatramin' ny taranakareo fara mandimby, mba ho hitany ny mofo izay nampihinaniko anareo tany an-efitra, raha nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta Aho. **33** Ary hoy Mosesy tamin' i Arona: Makà vilany, ka asio mana eran' ny vata omera eo anatiny, dia apetraho eo anatrehan' i Jehovah mba hotehirizina hatramin' ny taranakareo fara mandimby. **34** Ary araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy no nametrahan' i Arona izany teo anatrehan' ny Vavolombelona mba hotehirizina. **35** Ary ny Zanak' Isiraely nihinana mana mandritra ny efa-polo taona mandra-pahatongany tany amin' izay tany misy monina: eny, mana no nohaniny mandra-pahatongany tany amin' ny sisin' ny tany Kanana. **36** Ary ny omera dia ampahalofon' ny vata efaha.

17 Ary nifindra ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, ka niala tao an-efitra Sina, araka izay natoron' i Jehovah hitobiany, dia nitoby tao Refidima; ary tsy nisy rano hosotroin' ny olona. **2** Dia nila ady tamin' i Mosesy ny olona ka nanao hoe: Omeo rano izahay mba hosotroinay. Fa hoy Mosesy taminy: Nahoana no mila ady amiko ianareo? Nahoana no maka fanahy an' i Jehovah ianareo? **3** Ary nangetaheta teo ny olona, dia nimonomonona tamin' i Mosesy izy ka nanao hoe: Nahoana ianao no nitondra anay niakatra niala tany Egypta hahafatin-ketaheta anay sy ny zanakay ary ny bibinay? **4** Ary Mosesy nitaraina tamin' i Jehovah ka nanao hoe: Ahoana no hataoko amin' ireto olona ireto? fa mila hitora-bato ahy izy. **5** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mandrosoa eo alohan' ny olona, ary itondray hiaraka aminao ny loholon' ny Isiraely; ary ny tehinao, ilay nikapohanao an' i Neily, dia ento eny an-tananao, ka mandehana. **6** Ary, indro, hijanona eo anatrehanao eo ambonin' ny harambato any Horeba Aho, dia hikapoka ny harambato ianao, ka hisy rano hivoaka avy aminy hosotroin' ny olona. Dia nanao izany Mosesy teo imason' ny loholon' ny Isiraely. **7** Ary ny anaran' izany tany izany dia nataony hoe Masa sy Meriba, noho ny ady nataon' ny Zanak' Isiraely, sy noho ny nakany fanahy an' i Jehovah hoe: Eto aminay va Jehovah, sa tsia? **8** Ary tonga ny Amalekita ka niady tamin' ny Isiraely tao Refidima. **9** Dia hoy Mosesy tamin' i Josoa: Mifidiana lehilahy ho antsika, dia mandehana ka miadia amin' ny Amalekita; rahampitso dia hijoro eo an-tampon' ny havoana aho ka hitana ny tehin' Andriamanitra etỳ an-tanako. **10** Ary Josoa dia nanao araka izay efa nolazain' i Mosesy taminy, ka niady tamin' ny Amalekita izy; ary Mosesy sy Arona sy Hora kosa niakatra ho ao an-tampon' ny havoana. **11** Ary raha nasandratr' i Mosesy ny tànany, dia nahery ny Isiraely; fa raha nampidininy ny tànany, dia nahery kosa ny Amalekita. **12** Fa efa vizana ny tanan' i Mosesy; ka dia naka vato izy roa lahy, ka nataony teo ambanin' i Mosesy hipetrahany; ary Arona sy Hora dia nanohana ny tànany, ka ny iray tamin' ny anila, ary ny iray kosa tamin' ny anila; dia naharitra tsy nidina intsony ny tànany mandra-pahafatin' ny masoandro. **13** Ary Josoa dia nandresy ny Amalekita sy ny olony tamin' ny lelan-tsabatra. **14** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Soraty eo amin' ny boky izany ho fahatsiarovana, ka ambarao amin' i Josoa; fa hofoanako tokoa ny fahatsiarovana ny Amalekita tsy ho eny ambanin' ny lanitra. **15** Dia nanorina alitara Mosesy ka nanao ny anarany hoe: Jehovah Nisi. **16** Fa hoy izy: Jehovah nianiana hoe: Ny adin' i Jehovah amin' ny Amalekita dia tsy hitsahatra hatramin' izay taranany fara mandimby.

18 Ary efa ren' i Jetro, mpisorona tao Midiana, rafozan' i Mosesy, izay rehetra nataon' Andriamanitra ho an' i Mosesy sy ny Isiraely olony, dia ny nitondran' i Jehovah ny Isiraely nivoaka avy tany Egypta. **2** Dia nentin' i Jetro, rafozan' i Mosesy, Zipora, vadin' i Mosesy, rehefa nampivereniny izy, **3** ary ny zanany mirahalahy:

Gersoma no anaran' ny anankiray, fa hoy izy: Efa vahiny atỳ amin' ny tanin' ny firenena hafa aho; **4** ary Eliezera kosa no anaran' ny anankiray, fa hoy izy: Andriamanitry ny razako no namonjy ahy ka nahafaka ahy tsy ho voan' ny sabatr' i Farao. **5** Dia tonga Jetro, rafozan' i Mosesy, nitondra ny vady aman-janak' i Mosesy hankany aminy tany an-efitra, izay nitobiany teo anilan' ny tendrombohitr' Andriamanitra: **6** dia nampilaza tamin' i Mosesy izy ka nanao hoe: Izaho Jetro rafozanao avy hamangy anao, ary ny vadinao mbamin' ny zanany roa lahy koa. **7** Ary Mosesy nivoaka hitsena ny rafozany, dia niankohoka sady nanoroka azy; ary nifampiarahaba izy mianaka, dia niditra tao anday. **8** Ary nambaran' i Mosesy tamin' ny rafozany izay rehetra efa nataon' i Jehovah tamin' i Farao sy tamin' ny Egyptiana noho ny amin' ny Isiraely, mbamin' ny fahoriana rehetra nanjo azy teny an-dalana, sy ny namonjen' i Jehovah azy. **9** Dia faly Jetro noho ny soa rehetra izay efa nataon' i Jehovah tamin' ny Isiraely, izay novonjeny ho afaka tamin' ny tanan' ny Egyptiana. **10** Ary hoy Jetro: Isaorana anie Jehovah, Izay namonjy anareo ho afaka tamin' ny tanan' ny Egyptiana sy tamin' ny tànan' i Farao, dia Izay namonjy ny olona tsy hotapahin' ny Egyptiana. **11** Ankehitriny dia fantatro fa lehibe Jehovah mihoatra noho ny andriamanitra rehetra, dia tamin' izay zavatra nentin' ny Egyptiana nirehareha tamin' ireny. **12** Ary Jetro, rafozan' i Mosesy, nitondra fanatitra dorana sy fanatitra hafa alatsadrà ho an' Andriamanitra; dia nankao Arona sy ny loholon' ny Isiraely rehetra hiara-mihinan-kanina amin' ny rafozan' i Mosesy teo anatrehan' Andriamanitra. **13** Ary nony maraina dia nipetraka hitsara ny olona Mosesy; ka dia nijanona teo anatrehan' i Mosesy ny olona hatramin' ny maraina ka hatramin' ny hariva. **14** Ary rehefa hitan' ny rafozan' i Mosesy izay rehetra nataony tamin' ny olona, dia hoy izy: Inona izao zavatra ataonao amin' ny olona izao? Nahoana no ianao irery ihany no mipetraka, fa ny olona rehetra kosa mitsangana eo anatrehanao hatramin' ny maraina ka hatramin' ny hariva? **15** Ary hoy Mosesy tamin' ny rafozany: Satria mankaty amiko ny olona hanontany amin' Andriamanitra. **16** Raha misy manana ady izy, dia mankaty amiko, ka mitsara azy roa tonta aho, dia mampahalala azy ny didin' Andriamanitra sy ny lalàny. **17** Ary hoy ny rafozan' i Mosesy taminy; Tsy tsara izao zavatra ataonao izao. **18** Samy ho reraka mihitsy, na ianao na izao olona miaraka aminao izao; fa mavesatra aminao loatra izao zavatra izao, ka tsy ho zakanao irery ny hanao izao. **19** Ary ankehitriny, dia maneke ny teniko, fa hanoro hevitra anao aho, ka Andriamanitra anie homba anao: Aoka ianao ho alalan' ny olona amin' Andriamanitra mba hitondranao ny teniny amin' Andriamanitra; **20** ary hampianatra azy ny didy sy ny lalàna izay mety halehany sy ny asa izay mety hataony. **21** Ary mizaha eo amin' ny olona rehetra izay lehilahy mahay sy matahotra an' Andriamanitra, dia lehilahy marina izay tsy tia kolikoly; ka manendre mpifehy arivo sy mpifehy zato sy mpifehy dimam-polo ary mpifehy folo hifehy azy. **22** Ary aoka ireo no hitsara ny olona mandrakariva, ka ny ady lehibe rehetra no aoka ho entiny aminao, fa ny ady madinidinika rehetra kosa dia aoka hotsarainy ihany; dia ho maivamaivana kokoa aminao izany, ka dia hiaramitondra aminao ireo. **23** Raha hanao araka izany zavatra izany ianao, ka hilaza izay didy aminao Andriamanitra, dia haharitra ianao, ary izao olona rehetra izao koa dia ho tonga soa aman-tsara any amin' ny taniny. **24** Dia neken' i Mosesy ny tenin' ny rafozany, ka nataony avokoa izay rehetra efa nolazainy. **25** Dia nofidin' i Mosesy izay lehilahy mahay tamin' ny Isiraely rehetra ka nataony lohan' ny olona hanapaka azy, dia ho mpifehy arivo sy ho mpifehy zato sy ho mpifehy dimam-polo ary ho mpifehy folo. **26** Dia nitsara ny olona mandrakariva ireo; koa ny ady sarotra ihany no nentiny tao amin' i Mosesy, fa ny ady madinika rehetra kosa dia notsarainy ihany. **27** Ary Mosesy namoaka ny rafozany; ka dia lasa nody any amin' ny taniny izy.

19 Tamin' ny volana fahatelo taorian' ny nialan' ny Zanak' Isiraely tamin' ny tany Egypta, dia tamin' izany andro izany no nahatongavany tany an-efitr' i Sinay. **2** Ary rehefa nifindra niala teo Refidima izy ka tonga tany amin' ny efitr' i Sinay, dia nitoby teo amin' ny efitra; dia tandrifin' ny tendrombohitra no nitobian' ny Isiraely teo. **3** Ary Mosesy niakatra ho ao amin' Andriamanitra, dia niantso azy Jehovah tao an-tendrombohitra ka nanao hoe: Izao no holazainao amin' ny taranak' i Jakoba sy hambaranao amin' ny Zanak' Isiraely: **4** Hianareo efa nahita izay nataoko tamin' ny Egyptiana sy izay nitondrako anareo tamin' ny elatry ny voromahery ary ny nampankanesako anareo ho atỳ amiko. **5** Koa ankehitriny, raha hihaino ny feoko tokoa ianareo ka hitandrina ny fanekeko, dia ho rakitra soa ho Ahy mihoatra noho ny firenena rehetra ianareo; fa Ahy ny tany rehetra. **6** Dia ho fanjaka-mpisorona sy ho firenena masìna ho Ahy ianareo. Ireo teny ireo no holazainao amin' ny Zanak' Isiraely. **7** Dia nandeha Mosesy ka nampaka ny loholon' ny vahoaka, dia nalahany teo anatrehany ireo teny rehetra ireo, izay nandidian' i Jehovah azy. **8** Dia namaly indray miredona ny olona rehetra ka nanao hoe: Izay teny rehetra nolazain' i Jehovah dia hataonay. Ary dia nentin' i Mosesy tao amin' i Jehovah kosa ny tenin' ny olona. **9** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Indro Aho mankeo aminao ao anatin' ny rahona maizina, mba ho ren' ny olona raha miteny aminao Aho, ka dia hino anao mandrakariva izy. Dia nambaran' i Mosesy tamin' i Jehovah ny tenin' ny olona. **10** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mandehana ho eny amin' ny olona, ka manamasìna azy anio sy ampitso, ary ampanasao ny fitafiany izy: **11** ary aoka samy hiomana ho amin' ny andro fahatelo izy; fa amin' ny andro fahatelo no hidinan' i Jehovah ho eo imason' ny olona rehetra eo an-tampon' ny tendrombohitra Sinay. **12** Dia hanisy fefy manodidina ho an' ny olona ianao ka hanao hoe: Mitandrema ianareo mba tsy hiakatra ao amin' ny tendrombohitra, na hikasika ny sisiny akory aza; fa na iza na iza mikasika ny tendrombohitra dia hatao maty tokoa; **13** tsy hisy tanana hikasika azy, fa hotoraham-bato tokoa izy, na hotifirina tokoa, na biby na olona, tsy mba hovelomina izy; fa raha manao feo lavareny ny anjomara, dia vao hiakatra ho ao amin' ny tendrombohitra izy. **14** Dia nidina avy tao amin' ny tendrombohitra Mosesy ka

nankeny amin' ny olona; dia nanamasina ny olona izy, ka samy nanasa ny fitafiany. **15** Ary hoy izy tamin' ny olona: Miomàna ianareo ho amin' ny andro fahatelo; aza manakaiky vehivavy akory. **16** Ary nony tamin' ny marain' ny andro fahatelo dia nisy kotrokorana sy helatra ary rahona matevina teo amin' ny tendrombohitra, ary nisy feon' anjomara mafy indrindra, dia toran-kovitra ny olona rehetra izay teo an-toby. **17** Ary Mosesy nitondra ny olona nivoaka avy teo an-toby mba hihaona amin' Andriamanitra; dia nijanona teo am-bodin' ny tendrombohitra izy. **18** Ary ny tendrombohitra Sinay nivoa-tsetroka avokoa, satria Jehovah nidina teo amboniny tao anaty afo; dia niakatra ny setroka tahaka ny setroky ny lafaoro lehibe, ary nihorohoro mafy ny tendrombohitra Sinay rehetra. **19** Ary rehefa notsofina ny anjomara ka nidradradradra, dia niteny Mosesy, ary Andriamanitra namaly feo azy. **20** Ary Jehovah nidina nankeo an-tendrombohitra Sinay, dia teo an-tampon' ny tendrombohitra; ary Jehovah niantso an' i Mosesy hankeo an-tampon' ny tendrombohitra; dia niakatra Mosesy. **21** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Midìna, ka pepero ny olona, fandrao hisisika hankao amin' i Jehovah izy mba hijery ka hahafatesana maro. **22** Ary aoka ny mpisorona koa, izay manakaiky an' i Jehovah, hanamasina ny tenany, fandrao himaona hamely azy Jehovah. **23** Ary hoy Mosesy tamin' i Jehovah: Tsy mahazo miakatra ho eto amin' ny tendrombohitra Sinay ny olona; fa Hianao nandidy anay ka nanao hoe: Fefeo ny tendrombohitra, ka hamasino izy. **24** Ary hoy Jehovah taminy: Mandehana midìna, nefa miakara ianao, ka ento hiaraka aminao Arona; fa ny mpisorona sy ny olona dia aza avela hisisika hiakatra ho ao amin' i Jehovah, fandrao haringana izy. **25** Ary Mosesy dia nidina nankeny amin' ny olona ka niteny taminy.

20 Dia nilaza izao teny rehetra izao Andriamanitra ka nanao hoe: **2** Izaho no Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, tamin' ny trano nahandevozana. **3** Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany. **4** Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra izay eny amin' ny lanitra ambony, na izay etỳ amin' ny tany ambany, na izay any amin' ny rano ambanin' ny tany. **5** Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy; fa Izaho, Jehovah Andriamanitrao, dia Andriamanitra saro-piaro ka mamaly ny heloky ny ray amin' ny zanaka hatramin' ny zafiafy sy ny zafindohalika, dia amin' izay mankahala Ahy; **6** nefa kosa mamindra fo amin' ny olona arivo mandimby izay tia Ahy ka mitandrina ny didiko. **7** Aza manonona foana ny anaran' i Jehovah Andriamanitrao; fa tsy hataon' i Jehovah ho tsy manan-tsiny izay manonona foana ny anarany. **8** Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. **9** Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. **10** Fa Sabatan' i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito; koa aza manao raharaha akory ianao amin' izany, na ny zanakao-lahy, na ny zanakao-vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao na ny biby fiompinao, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao. **11** Fa henemana no nanaovan' i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin' izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin' ny andro fahafito; izany no nitahian' i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy. **12** Manaja ny rainao sy ny reninao mba ho maro andro ianao ao amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao ho anao. **13** Aza mamono olona. **14** Aza mijangajanga. **15** Aza mangalatra. **16** Aza mety ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao. **17** Aza mitsiriritra ny tranon' ny namanao; aza mitsiriritra ny vadin' ny namanao, na ny ankizilahiny, na ny ankizivaviny, na ny ombiny, na ny borikiny, na izay mety ho an' ny namanao akory aza. **18** Ary ny olona rehetra nandre ny kotrokorana sy ny feon' ny anjomara ary nahita ny helatra sy ny tendrombohitra nivoa-tsetroka, ary nony nahita izany ny olona, dia toran-kovitra izy ka nijanona teny lavitra eny. **19** Dia hoy izy tamin' i Mosesy: Aoka ihany ianao no hiteny aminay, dia hihaino izahay; fa aza Andriamanitra no miteny aminay, fandrao maty izahay. **20** Dia hoy Mosesy tamin' ny olona: Aza matahotra; fa tonga Andriamanitra mba hizaha toetra anareo, ary mba ho eo anatrehan' ny tavanareo ny fahatahorana Azy, mba tsy hanotanareo. **21** Dia nijanona teny lavitra eny ny olona, fa Mosesy kosa nanakaiky ny aizim-pito, izay nitoeran' Andriamanitra. **22** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Izao no lazaonao amin' ny Zanak' Isiraely: Hianareo efa nahita fa tany an-danitra no nitenenako taminareo. **23** Koa aza manao andriamanitra volafotsy na andriamanitra volamena ho anareo ho fanampiko. **24** Alitara tany no hataonao ho Ahy, ka haterinao eo amboniny ny fanatitra doranao sy ny fanati-pihavananao, dia ny ondry aman' osinao sy ny ombinao; eo amin' ny fitoerana rehetra izay ampahatsiarovako ny anarako no hanatonako anao sy hitahiako anao. **25** Ary raha alitara vato no hataonao ho Ahy, dia aza ny vato voapaika no hanaovanao azy; fa raha manainga ny fandrakao ho aminy ianao, dia handoto azy. **26** Ary aza asiana ambaratonga hiakaranao ho eo amin' ny alitarako, mba tsy ho hita eo ny fitanjahanao.

21 Ary izao no lalàna izay hataonao eo anatrehany: **2** Raha mividy andevo Hebreo ianao, dia enin-taona no hanompoany, ary amin' ny taona fahafito dia hiala ho afaka fotsiny izy. **3** Raha izy irery ihany no miditra, dia izy irery hany no hiala; fa raha manam-bady izy, dia hiala hiaraka aminy koa ny vadiny. **4** Raha manome vady azy ny tompony, ka miteraka zazalahy na zazavavy aminy izy, dia ho an' ny tompony ihany ny vadiny sy ny zanany, fa izy irery ihany no hiala. **5** Fa raha milaza marimarina ilay andevo ka manao hoe: Tsy foiko ny tompoko sy ny vadiko ary ny zanako, ka tsy te-ho afaka aho, **6** dia ho entin' ny tompony ho eo anatrehan' Andriamanitra izy, ary dia ho entiny ho eo amin' ny varavarana, na ho eo amin' ny tolam-baravarana, ka hotevehin' ny tompony amin' ny haolo ny sofiny; dia hanompo azy mandrakizay izy. **7** Ary raha misy mivaro-janakavavy ho vaditsindranon' olona, dia tsy mba ho tahaka ny fialan' ny andevolahy ho afaka no fialany. **8** Fa raha tsy ankasitrahan' ny tompony, izay nikasa hanambady azy, ravehivavy, dia havelany havotana ihany izy; tsy hahazo mivarotra azy ho any amin' ny firenena hafa

izy, satria efa namitaka azy. **9** Ary raha mamofo azy ho vadin' ny zananilahy izy, dia araka ny fitondra zanakavavy no hataony aminy. **10** Ary raha maka vehivavy hafa ho vadiny izy, dia tsy hahenany ny fihinany sy ny fitafiany ary ny fombam-panambadiany. **11** Ary raha tsy hataony aminy izany zavatra telo loha izany, dia hiala ho afaka fotsiny ravehivavy, fa tsy handoa vola. **12** Izay mamely olona ka mahafaty azy dia hatao maty tokoa; **13** fa izay tsy manotrika, fa Andriamanitra no manolotra azy eo an-tànany, dia hanendry ho anareo fitoerana izay handosirany Aho. **14** Ary raha misy olona avy sahisahy amin' ny namany hamono azy amin' ny fahafetsena, dia halainao izy, na dia eo amin' ny alitarako aza, mba hovonoina ho faty. **15** Ary izay mamely ny rainy na ny reniny dia hatao maty tokoa. **16** Ary izay mangalatra olona, na efa namidiny, na mbola hita eo an-tànany ihany ilay nangalariny, dia hatao maty tokoa. **17** Ary izay manozona ny rainy na ny reniny dia hatao maty tokoa. **18** Ary raha misy olona mifanditra, ka ny anankiray mamely ny namany amin' ny vato, na amin' ny totohondry, koa tsy maty izy, fa marary ambany tsihy, **19** raha afa-mitsangana indray ka mandehandeha mitehina eny alatrano izy, dia ho afa-tsiny ilay namely azy; kanefa handoa ny hevitr' andro tsy nanaovany zavatra izy sady hitsabo azy mandra-pahasitrany. **20** Ary raha misy olona mikapoka ny andevolahiny na ny andevovaviny amin' ny tsorakazo ka mahafaty azy eo am-pikapohana, dia hovaliana tokoa izy. **21** Kanefa raha mbola velona maharitra indray andro na indroa andro izy, dia tsy hovaliana ilay tompony; fa hareny ihany izy. **22** Ary raha misy olona mifanditra ka mandratra vehivavy manan' anaka, ka teraka tsy tonga volana ny zanany, kanefa tsy misy maninona, dia hosazina tokoa ilay olona araka izay hanaovan' ny vadin-dravehivavy azy; ary handoa araka izay handidian' ny mpitsara izy. **23** Fa raha misy maninona kosa, dia hanome aina solon' ny aina ianao, **24** maso solon' ny maso, nify solon' ny nify, tanana solon' ny tanana, tongotra solon' ny tongotra, **25** may solon' ny may, ratra solon' ny ratra, mivatra solon' ny mivatra. **26** Ary raha misy olona mamely ny mason' ny andevolahiny na ny mason' ny andevovaviny ka mahasimba azy, dia halefany ho afaka izy noho ny masony. **27** Ary raha ny nifin' ny andevolahy na ny andevovavy no afany, dia halefany ho afaka koa izy noho ny nifiny. **28** Ary raha misy omby manoto lehilahy na vehivavy ka mahafaty azy, dia hotoraham-bato tokoa ny omby, ary tsy hohanina ny henany; ary ny tompon' ilay omby dia ho afa-tsiny. **29** Fa raha omby efa zatra nanoto hatramin' ny teo aloha iny, sady efa nambara tamin' ny tompony izany, nefa izy no tsy niaro azy, koa nahafaty lehilahy na vehivavy ny omby, dia hotoraham-bato ny omby, ary ny tompony koa hovonoina. **30** Raha sazina izy, dia handoa vidin' aina araka izay sazy atao aminy. **31** Raha manoto zazalahy na zazavavy ny omby, dia araka izany lalàna izany koa no hanaovana azy. **32** Raha manoto andevolahy na andevovavy izy, dia homena sekely volafotsy telo-polo ny tompon' andevo, ary ny omby hotoraham-bato. **33** Ary raha misy olona manokatra lavaka, na raha misy olona mihady lavaka, ka tsy rakofany, ary misy omby na boriky latsaka ao, **34** dia hanonitra azy ny tompon-davaka, ka vola no haloany ho an' ny tompony; ary ny maty dia ho azy. **35** Ary raha misy ombin' olona mandratra ny ombin' ny namany ka mahafaty azy, dia hamidiny ny omby velona, ka hozarainy ny vola vidiny; ary ny maty koa hozarainy. **36** Kanefa raha fantatra fa omby zatra nanoto hatramin' ny teo aloha iny, koa tsy niaro azy ny tompony, dia hanonitra omby ho solon' ny omby tokoa izy; ary ny maty dia ho azy.

22 Raha misy olona mangalatra omby, na ondry, na osy, ka mamono azy, na mivarotra azy, dia hanonitra omby dimy ho solon' ny omby iray izy ary ondry na osy efatra ho solon' ny ondry na osy iray. **2** Raha azo manamitrano ny mpangalatra ka asiana ho faty, dia tsy hisy valin-drà amin' izany; **3** fa raha tratry ny masoandro miposaka kosa izy, dia hisy valin-drà ihany amin' izany; hanonitra tokoa izy; ary raha tsy manana na inona na inona, dia hamidy izy noho ny halatra nataony. **4** Raha hita marina velona eo aminy ny halatra na omby, na boriky, na ondry, na osy, dia hanonitra roa heny izy. **5** Raha misy olona mampitondraka amin' ny voly na tanim-boaloboka, fa alefany handeha ny bibiny, ka homana ny volin' olona izany biby izany, dia amin' ny tsara indrindra ao amin' ny sahany, ary amin' ny tsara indrindra ao amin' ny tanim-boalobony, no hanonerany. **6** Raha misy afo mirehitra ka mahazo ny tsilo, ka may ny antontam-bary, na ny vary maniry, na ny saha, dia hanonitra tokoa izay nampirehitra ny afo. **7** Raha misy olona mampitahiry vola na fanaka ny namany, ka angalarin' ny sasany ao amin' ny tranon' ilay olona izany, raha hita ny mpangalatra, dia hanonitra roa heny izy. **8** Fa raha tsy hita kosa ny mpangalatra, dia ho entina eo anatrehan' Andriamanitra ny tompon' ny trano mba hizahana na naninjitra ny tànany ka naka ny fananan' ny namany izy, na tsia. **9** Ny amin' ny zavatra ifandirana rehetra, na omby, na boriky, na ondry, na osy, na fitafiana, na zavatra very, izay ataon' olona ho azy, dia ho entina eo anatrehan' Andriamanitra ny tenin' izy roa tonta, koa izay helohih' Andriamanitra dia hanonitra roa heny ho an' ny namany. **10** Raha misy olona mampitahiry ny namany boriky, na omby, na ondry, na osy, na biby fiompy hafa, ka maty izany, na maratra, na roahina ka tsy misy mahita, **11** dia fianianana amin' i Jehovah no hitsarana azy roa tonta, hahafantarana na efa naninjitra ny tànany ka naka ny fananan' ny namany ilay anankiray, na tsia; ary heken' ny tompony izany, dia tsy hisy onitra. **12** Fa raha nangalarina tany aminy tokoa izany, dia hanonitra ho an' ny tompon-javatra izy. **13** Raha voaviraviram-biby izany, dia hitondra azy ho vavolombelona izy; tsy hanonitra izay voaviravira izy. **14** Ary raha misy olona mindran-javatra amin' ny namany, ka simba na maty izany, nefa tsy mba teo aminy ny tompon-javatra, dia hanonitra tokoa izy. **15** Fa raha teo aminy ihany ny tompon-javatra, dia tsy hanonitra izy; ary raha zavatra ahofa kosa, dia vitan' ny hofany izany. **16** Ary raha misy olona mitaona zazavavy, izay tsy voafofo, ka mandry aminy, dia hanome harena azy izy mba ho vadiny. **17** Fa raha mandà tokoa ny rainy ka tsy manome azy ho vadiny, dia handoa vola ralehilahy araka ny harena fanome zazavavy hampakarina. **18** Aza velomina

ny vehivavy manana ody. **19** Izay rehetra mandry amin' ny biby dia hatao maty tokoa. **20** Izay mamono zavatra hatao fanatitra amin' ny andriamanitra hafa, afa-tsy amin' i Jehovah ihany, dia ho voaozona. **21** Ary aza manao izay sarotra amin' ny vahiny, na mampahory azy; fa ela mba vahiny tany amin' ny tany Egypta ihany ianareo. **22** Aza mampahory ny mpitondratena sy ny kamboty akory ianareo. **23** Fa raha mampahory azy na amin' inona na amin' inona ianao, ka mitaraina amiko izy, dia hihaino ny fitarainany tokoa Aho, **24** ka hirehitra ny fahatezerako, ary hamono anareo amin' ny sabatra Aho; dia mba ho mpitondratena ny vadinareo, ary ho kamboty kosa ny zanakareo. **25** Raha mampisambo-bola ny oloko izay malahelo eo aminao ianao, dia tsy ho toy ny mpampanana vola aminy; fa tsy hampandoa zana-bola azy ianao. **26** Raha maka ny lamban' ny namanao ho tsatòka ianao, dia hampodinao aminy izany, raha mbola tsy milentika ny masoandro. **27** Fa izany ihany no firakofany sady fitafiany amin' ny hodiny, ka inona no ho entiny mandry? ary raha mitaraina amiko izy, dia hohenoiko, fa mamindra fo Aho. **28** Aza miteny ratsy an' Andriamanitra ianao, na manozona ny mpanapaka ny firenenao. **29** Aza atao ela vao manatitra ny santatry ny vokatrao sy ny fisotronao; ny matoa amin' ny zanakao-lahy dia omeo Ahy. **30** Izao no hataonao amin' ny ombinao sy ny ondry aman' osinao; hafitoana no hitoerany ao amin' ny reniny; ary amin' ny andro fahavalo no hanateranao azy ho Ahy. **31** Ary ho olona masìna ho Ahy ianareo, koa izay hena voaviraviram-biby any an-tsaha dia tsy hohaninareo; fa harianareo ho an' ny amboa izany.

23 Aza manangan-tsaho foana. Aza mifandray tanana amin' ny ratsy fanahy ho vavolombelona mampidi-doza. **2** Aza manaraka ny maro hanao ratsy; ary aza mamaly ny amin' ny adin' olona hivily hanaraka ny maro hamadika ny rariny. **3** Aza mandravaka ny tenin' ny malahelo eo amin' ny fandaharan-teniny ianao. **4** Raha hitanao mania ny ombin' ny fahavalonao, na ny borikiny, dia avereno any aminy mihitsy izany. **5** Raha hitanao ny borikin' izay mankahala anao mihonaka ao ambanin' ny entany, dia aza malaina hamonjy azy ianao, fa manampia ny namanao hamaha azy tokoa. **6** Aza mamily ny rariny izay ananan' ny malahelo ao aminao, raha manana ady izy. **7** Manalavira izay teny lainga, ary aza mamono izay tsy manan-tsiny sy izay marina ianao; fa tsy hanamarina ny meloka Aho. **8** Ary aza mandray kolikoly, fa ny kolikoly mahajamba ny mason' ny mahiratra sy mamadika ny tenin' ny marina. **9** Ary aza mampahory vahiny, fa ianareo mahalala ny fon' ny vahiny, satria efa mba vahiny tany amin' ny tany Egypta ihany ianareo. **10** Ary enin-taona no hamafazanao amin' ny taninao sy hanangonanao ny vokatra; **11** fa amin' ny taona fahafito kosa dia hatsahatrao tsy hovolena izy, mba hisy hohanin' ny malahelo amin' ny firenenao; ary izay sisan' ireo dia mba hohanin' ny biby any an-tsaha kosa. Toy izany koa no hataonao amin' ny tanim-boalobokao sy amin' ny tanin' olivanao. **12** Henemana no hanaovanao ny raharahanao; fa amin' ny andro fahafito dia hitsahatra ianao, mba hialan' ny ombinao sy ny borikinao sasatra, ary mba hakan' ny zanaky ny ankizivavinao sy ny vahiny aina. **13** Ary tandremo izay rehetra nolazaiko taminareo, ka aza manonona ny anaran' andriamani-kafa akory ianareo; aza avela ho re avy amin' ny vavanao izany. **14** Intelo isan-kerintaona no hanaovanao andro firavoravoana ho Ahy. **15** Tandremo ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira; hafitoana no hihinananao ny mofo tsy misy masirasira, araka izay nandidiako anao, amin' ny fotoan' andro amin' ny volana Abiba, fa tamin' izany no nivoahanao avy tany Egypta; ary aoka tsy hisy hiseho foana tsy mitondra fanatitra eo anatrehako. **16** Ary tandremo koa ny andro firavoravoana amin' ny fijinjana ny voaloham-bokatry ny asanao, izay nafafinao tany an-tsaha, sy ny andro firavoravoana amin' ny fanangonana amin' ny faran' ny taona, raha manangona ny vokatry ny asanao avy any an-tsaha ianao. **17** Dia intelo isan-kerintaona no hisehoan' ny lehilahy rehetra aminareo eo anatrehan' i Jehovah Tompo. **18** Aza manatitra ny ran' ny zavatra vonoina hatao fanatitra ho Ahy ianao, raha mbola misy masirasira ao aminao; ary aza avela ho tra-maraina ny saboran' ny zavatra vonoina amin' ny andro firavoravoana ho Ahy. **19** Ny santatry ny voaloham-bokatry ny taninao dia ho entinao ao an-tranon' i Jehovah Andriamanitrao. Aza mahandro zanak' osy amin' ny rononon-dreniny. **20** Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dalana sy hitondra anao ho any amin' ny fitoerana izay namboariko. **21** Mitandrema eo anatrehany, ka mihainoa ny feony, ary aza mampahatezitra Azy; fa tsy hamela ny fahotanareo Izy; fa ny anarako no ao aminy. **22** Fa raha hihaino ny feony tokoa ianao ka hanao izay rehetra lazaiko, dia ho fahavalon' ny fahavalonao sy ho rafin' ny rafinao Aho. **23** Fa handeha eo alohanao ny Anjeliko ka hitondra anao any amin' ny Amorita sy ny Hetita sy ny Perizita sy ny Kananita sy ny Hivita ary ny Jebosita; ary dia hofongorako ireny, **24** Aza miankohoka eo anatrehan' ny andriamanitr' ireny ianao, na manompo azy, na manao araka ny ataony; fa aringano tokoa izy, ary torotoroy tokoa ny tsangam-baton-tsampiny. **25** Fa manompoa an' i Jehovah Andriamanitrareo, dia hitahy ny haninao sy ny ranonao Izy; ary hesoriko aminao ny aretina. **26** Tsy hisy ho afa-jaza na ho momba ao amin' ny taninao; hotanterahiko ny isan' ny andronao. **27** Hampandeha ny fahatahorana Ahy eo alohanao Aho ka hampifanaritaka ny firenena rehetra izay alehanao, ary hampiamboho ny fahavalonao rehetra anao Aho. **28** Ary hampandeha fanenitra eo alohanao Aho, ka handroaka ny Hivita sy ny Kananita ary ny Hetita eo alohanao ireny. **29** Tsy handroaka azy eo alohanao amin' ny taona iray Aho, fandrao ho lao ny tany, ka hihamaro hamely anao ny bibi-dia. **30** Tsikelikely no handroahako azy eo alohanao mandra-pahamaronao ka handova ny tany. **31** Ary hatramin' ny Ranomasina Mena ka hatramin' ny ranomasin' ny Filistina no hataoko fari-taninao, ary hatramin' ny efitra ka hatramin' ny Ony; fa hanolotra ny mponina amin' ny tany ho eo an-tananareo Aho; ary handroaka azy eo alohanao ianao. **32** Aza manao fanekena aminy na amin' ny andriamaniny ianao. **33** Tsy honina eo amin' ny taninao ireny, fandrao hampanota anao amiko; fa raha

manompo ny andriamaniny ianao, dia ho fandrika aminao tokoa izany,

24 Ary hoy Izy tamin' i Mosesy: Miakara ao amin' i Jehovah ianao sy Arona sy Nadaba sy Abiho ary fito-polo lahy amin' ny loholon' ny Isiraely; ka miankohofa eny lavitra eny ianareo; **2** nefa Mosesy ihany no hanakaiky an' i Jehovah, fa ireo tsy mba hanakaiky; ary ny olona tsy hiakatra homba azy. **3** Dia tonga Mosesy ka nanambara tamin' ny olona ny teny rehetra izay nataon' i Jehovah sy ny fitsipika rehetra. Ary namaly indray miredona ny olona rehetra ka nanao hoe: Ny teny rehetra izay nolazain' i Jehovah dia hataonay. **4** Ary Mosesy nanoratra ny teny rehetra nataon' i Jehovah, dia nifoha maraina koa ka nanorina alitara teo am-bodin' ny tendrombohitra sy tsangam-bato roa ambin' ny folo, araka ny firenen' Isiraely roa ambin' ny folo. **5** Ary ny zatovo amin' ny Zanak' Isiraely nirahiny, dia nitondra fanatitra dorana ireo ka namono vantotr' ombilahy hatao fanati-pihavanana ho an' i Jehovah. **6** Ary nalain' i Mosesy ny antsasaky ny rà ka nataony teo anaty lovia, ary ny antsasaky ny rà kosa natopiny teo amin' ny alitara. **7** Dia naka ny bokin' ny fanekena izy ka namaky teny teo anatrehan' ny olona. Ary hoy ny olona: Izay rehetra nolazain' i Jehovah dia hataonay sy hekenay. **8** Ary nalain' i Mosesy ny rà ka natopiny tamin' ny olona, dia hoy izy: Indro ny ran' ny fanekena izay nataon' i Jehovah taminareo ny amin' izany teny rehetra izany. **9** Dia niakatra Mosesy sy Arona sy Nadaba sy Abiho ary fito-polo lahy tamin' ny loholon' ny Isiraely. **10** Dia nahita an' Andriamanitry ny Isiraely izy; koa ny teo ambanin' ny tongony dia toy ny fanganohanon' ny vato safira voavoatra, ary toy ny tenan' ny lanitra ny famirapirany. **11** Ary tsy naninjitra ny tànany tamin' ireo lehiben' ny Zanak' Isiraely Izy; dia nahita an' Andriamanitra izy ireo, ary nihinana sy nisotro. **12** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Miakara eto amiko eto an-tendrombohitra ka mitoera eto, dia homeko anao ny vato fisaka izay misy ny lalàna sy ny didy, izay nosoratako hampianarina azy. **13** Dia niainga Mosesy sy Josoa mpanompony; ary Mosesy dia niakatra tao an-tendrombohitr' Andriamanitra. **14** Ary hoy izy tamin' ny loholona: Miandrasa anay eto mandra-piverinay eto aminareo; ary, indro, Arona sy Hora dia eto aminareo, koa raha misy olona manana ady, aoka hankeo amin' izy roa lahy izy. **15** Dia niakatra tao amin' ny tendrombohitra Mosesy, ary ny rahona nanarona ny tendrombohitra. **16** Ary ny voninahitr' i Jehovah nitoetra teo ambonin' ny tendrombohitra Sinay, ary ny rahona nanarona azy henemana; dia niantso an' i Mosesy tamin' ny andro fahafito teo afovoan' ny rahona Izy. **17** Ary ny fijery ny voninahitr' i Jehovah teo an-tampon' ny tendrombohitra dia tahaka ny afo mandevona teo imason' ny Zanak' Isiraely. **18** Dia niditra tao afovoan' ny rahona Mosesy ka niakatra tao amin' ny tendrombohitra; ary nitoetra tao amin' ny tendrombohitra efa-polo andro sy efa-polo alina Mosesy.

25 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely mba hitondra fanatitra ho Ahy izy; dia avy amin' ny olona rehetra izay amporisihin' ny fony no handraisanareo ny fanatitra ho Ahy. **3** Ary izao no fanatitra izay horaisinareo aminy: volamena sy volafotsy sy varahina, **4** sy manga sy volomparasy sy mena sy rongony fotsy madinika sy volon' osy, **5** sy hoditr' ondrilahy efa nomen' aina sy hodi-takasy sy hazo akasia, **6** sy diloilo hatao fanazavana sy zava-manitra ho amin' ny diloilo fanosorana sy ho ditin-kazo mani-pofona, **7** sy vato beryla sy vato halatsaka an-tranontranony amin' ny efoda sy amin' ny saron-tratra. **8** Ary asaovy manao fitoerana masìna ho Ahy izy, dia honina eo aminy Aho. **9** Araka izay rehetra asehoko aminao, dia ny endriky ny tabernakely sy ny endriky ny fanaka rehetra momba azy, dia araka izany no hanaovanao azy. **10** Ary asaovy manao fiara hazo akasia izy: roa hakiho sy sasany ny lavany; ary iray hakiho sy sasany ny sakany, ary iray hakiho sy sasany ny hahavony. **11** Ary petaho takela-bolamena tsara izy: ny atiny sy ny ivelany dia samy hopetahanao takela-bolamena avokoa; ary asio koronosy volamena manodidina eo amboniny. **12** Ary mandrendreha vava volamena efatra hatao aminy, ka ataovy eo amin' ny tongony efatra; dia vava volamena roa eo amin' ny lafiny iray, ary vava volamena roa eo amin' ny lafiny iray koa. **13** Ary manaova bao hazo akasia, ka petaho takela-bolamena. **14** Ary ampidiro ny bao ho eo amin' ny vava volamena, izay eo amin' ny lafin' ny fiara, hilanjana azy. **15** Eo amin' ny vava volan' ny fiara no hitoeran' ny bao, ka tsy hesorina eo izy. **16** Ary ataovy ao anatin' ny fiara ny Vavolombelona izay homeko anao. **17** Ary manaova rakotra fanaovam-panavotana amin' ny volamena tsara: roa hakiho sy sasany ny lavany, ary iray hakiho sy sasany ny sakany. **18** Ary manaova kerobima volamena roa; voasana no hanaovanao azy roa ho eo amin' ny sakany roa amin' ny rakotra fanaovam-panavotana **19** Ny kerobima iray ataovy indray mivofy amin' ny sakany anankiray, ary ny kerobima iray kosa amin' ny sakany anankiray: indray mivofy amin' ny rakotra fanaovam-panavotana no hanaovanareo ny kerobima roa, dia amin' ny sakany roa. **20** Ary aoka hivelatra eo ambony ny elatry ny kerobima, mba hanalofan' ny elany ny rakotra fanaovam-panavotana; ary ny tavany hifanatrika, sady hanatrika ny rakotra fanaovam-panavotana koa izy. **21** Ary apetraho eo ambonin' ny fiara ny rakotra fanaovam-panavotana; ary ao anatin' ny fiara no asio ny Vavolombelona izay homeko anao. **22** Ary ao no hihaona aminao Aho, ka ao ambonin' ny rakotra fanaovam-panavotana no hitenenako aminao, dia ao anelanelan' ny kerobima roa, izay eo ambonin' ny fiaran' ny Vavolombelona, ka holazaiko izay rehetra handidiako anao holazainao amin' ny Zanak' Isiraely. **23** Ary manaova latabatra hazo akasia: roa hakiho ny lavany, ary iray hakiho ny sakany, ary iray hakiho sy sasany ny hahavony. **24** Ary petaho takela-bolamena tsara izy, sady asio koronosy volamena manodidina azy. **25** Ary asio sisiny vodivoam-pelatanana manodidina azy, ary asio koronosy volamena ny sisiny manodidina. **26** Ary manaova vava volamena efatra hatao aminy, ka ataovy eo amin' ny zorony efatra izay eo amin' ny tongony efatra ireo: **27** eo akaikin' ny sisiny no hasiana ny vava volamena ho fitoeran' ny bao hilanjana ny latabatra. **28** Ary hazo akasia no anaovy ny bao, ka petaho

takela-bolamena; ary amin' ireo no hilanjana ny latabatra. **29** Ary manaova ny loviany sy ny lovia keliny ary ny fitoeran-divainy sy ny kapoakany ho fanidinam-panatitra; volamena tsara no hanaovanao ireo. **30** Ary asio mofo aseho eo ambonin' ny latabatra ho eo anatrehako mandrakariva. **31** Ary manaova ny fanaovan-jiro volamena tsara; voasana no hanaovanao ny fanaovan-jiro, hatao indray mivofy ihany ny faladiany sy ny tahony sy ny vodi-voniny sy ny kiboriny ary ny voniny. **32** Ary hisy sampany enina amin' ny ankilany roa: dia sampany telo amin' ny fanaovan-jiro eo amin' ny ankilany iray, ary sampany telo amin' ny fanaovan-jiro eo amin' ny ankilany iray koa, **33** dia vodi-voniny telo atao tahaka ny vonin' ny amygdala, mbamin' ny kiboriny sy ny voniny, eo amin' ny sampany anankiray; ary vodi-voniny telo koa atao tahaka ny vonin' ny amygdala, mbamin' ny kiboriny sy ny voniny, eo amin' ny sampany anankiray koa; dia toy izany avokoa amin' ny sampany enina izay amin' ny fanaovan-jiro. **34** Ary eo amin' ny fanaovan-jiro dia hisy vodi-voniny efatra atao tahaka ny vonin' ny amygdala, mbamin' ny kiboriny sy ny voniny, **35** dia kiboriny iray eo ambanin' ny sampany roa sady miray aminy, ary kiboriny iray koa eo ambanin' ny sampany roa sady miray aminy, ary kiboriny iray koa eo ambanin' ny sampany roa sady miray aminy; dia amin' ny sampany enina izay miray amin' ny fanaovan-jiro. **36** Ny kiboriny sy ny sampany dia hiray avokoa; hatao indray mivofy aminy amin' ny volamena tsara izy rehetra. **37** Ary manaova lela fanaovan-jirony fito, ka ampireheto eo aminy ireo mba hanazava ny anoloany. **38** Ary ny hetin-jirony Sy ny fitoeran-davenon-jirony dia ataovy volamena tsara. **39** Volamena tsara talenta iray no hanaovana azy mbamin' ireny fanaka rehetra ireny. **40** Ary tandremo mba hataonao araka ny endriny izay naseho taminao tao an-tendrombohitra izy.

26 Ary ny tabernakely dia hataonao ambainy folo amin' ny rongony fotsy madinika voahasina sy manga sy volomparasy ary mena; kerobima, asan' ny mpanenona mahay, no hataonao sorany. **2** Ny halavan' ny ambainy iray dia valo amby roa-polo hakiho; ary ny lambanan' ny ambainy iray dia efatra hakiho; hitovy ohatra ny ambainy rehetra. **3** Ambainy dimy no havitrana ho iray; ary ambainy dimy koa no havitrana ho iray. **4** Ary manaova tadivavarana manga ho eo an-tsisin' ny ambainy iray, dia eo an-tsisin' ny anankiray efa voavitrana; ary manaova toy izany koa amin' ny ambainy farany, dia eo an-tsisin' ny anankiray efa voavitrana koa. **5** Tadivavarana dimam-polo no hataonao eo amin' ny ambainy iray, ary tadivavarana dimam-polo koa no hataonao eo amin' ny sisin' ny ambainy izay amin' ny anankiray efa voavitrana koa; ary hifandray ny tadivavarana. **6** Ary manaova farango volamena dimam-polo, ka akambano amin' ny farango ny ambainy, ka dia ho voakambana ho iray ny tabernakely. **7** Ary manaova ambainy koa amin' ny volon' osy ho lay handrakofana ny tabernakely; dia iraika ambin' ny folo ambainy no hanaovanao azy. **8** Ny halavan' ny ambainy iray dia telo-polo hakiho, ary ny lambanan' ny ambainy iray dia efatra hakiho; hitovy ohatra ny ambainy iraika ambin' ny folo. **9** Ary avitrano ny ambainy dimy hikambana, ary ny ambainy enina kosa hikambana. Ary aforeto ny ambainy fahenina amin' ny sakan' ny lay anatrehana. **10** Ary manaova tadivavarana dimam-polo eo an-tsisin' ny ambainy iray izay farany amin' ny efa voavitrana; ary tadivavarana dimam-polo koa ho eo an-tsisin' ny ambainy iray amin' ny anankiray koa efa voavitrana. **11** Ary manaova farango; varahina dimam-polo, ka ampidiro ho eo amin' ny tadivavarana ary akambano ny lay, ka dia ho iray ihany izy. **12** Ary izay mihoatra amin' ny ambain' ny lay, dia ny antsasaky ny ambainy izay mihoatra, dia avelao hiraviravy eo ivohon' ny tabernakely. **13** Ary ny iray hakiho avy eo amin' ny lohany roa amin' ny lamba, izay mihoatra amin' ny halavan' ny ambain' ny lay, dia avelao hiraviravy eo amin' ny lafibeny roa amin' ny tabernakely handrakotra azy. **14** Ary manaova koa rakotry ny lay amin' ny hoditr' ondrilahy efa nomenaina, ary manaova sarony hodi-takasy ho eo amboniny. **15** Ary manaova zana-kazo akasia ho amin' ny tabernakely. **16** Folo hakiho ny hahavon' ny zana-kazo iray, ary iray hakiho sy sasany ny indraben' ny zana-kazo iray. **17** Lahiny roa no ho amin' ny zana-kazo iray, ka hasiana izay hikambanany; izany no hanaovanao ny zana-kazo rehetra amin' ny tabernakely. **18** Ary manaova ny zana-kazo ho amin' ny tabernakely, dia zana-kazo roa-polo ho eo amin' ny lafiny atsimo. **19** Ary manaova faladia volafotsy efa-polo, dia faladia roa avy ho ambanin' ny isan-janakazo iray hiorenan' ny lahiny roa. **20** Ary manaova zana-kazo roa-polo ho eo amin' ny lafiny faharoa amin' ny tabernakely, dia ny lafiny avaratra. **21** Ary manaova faladiany volafotsy efa-polo, dia faladia roa avy ho ambanin' ny isan-janakazo iray. **22** Ary ny lafiny andrefana amin' ny tabernakely, izay ao ivohony, dia hanaovanao zana-kazo enina. **23** Ary zana-kazo roa no hataonao ho eo amin' ny zoron' ny tabernakely amin' ny lafiny ivoho. **24** Ary hakambana ho iray izy hatramin' ny ambany ka hatramin' ny ambony, ka hasianao vava vola iray ihany: ho toy izany avokoa izy roa; eo amin' ny zorony roa no hisy izany. **25** Ary aoka hisy zana-kazo valo sy ny faladiany volafotsy, dia faladia enina ambin' ny folo: faladia roa avy ho ambanin' ny isan-janakazo iray. **26** Ary manaova barany hazo akasia: dia dimy ho amin' ny zana-kazo amin' ny lafiny iray amin' ny tabernakely, **27** sy barany dimy ho amin' ny zana-kazo amin' ny lafiny iray koa amin' ny tabernakely, ary barany dimy ho amin' ny zana-kazo amin' ny lafiny andrefana izay ao ivohony. **28** Ary ny barany afovoany, izay afovoan' ny zana-kazo, dia hahatratra ny farany roa. **29** Ary ny zana-kazo hopetahanao takela-bolamena, ary hataonao volamena koa ny vava vola aminy, izay hitoeran' ny barany; ary petaho takela-bolamena koa ny barany. **30** Ary manangana ny tabernakely araka ny endriny, dia ilay naseho taminao tao an-tendrombohitra. **31** Ary manaova efitra lamba manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina; kerobima, asan' ny mpanenona mahay, no hataonao sorany. **32** Ary ahantòny amin' ny andry hazo akasia efatra izay voapateka takela-bolamena izy; ho volamena koa ny fihantonany; ary eo amin' ny faladia volafotsy efatra no hiorenany. **33** Ary ny efitra lamba dia ataovy eo ambanin' ny farango; ary ampidiro

ao anatin' ny efitra lamba ny fiaran' ny Vavolombelona; ary ny efitra lamba no hampisaraka ny fitoerana masìna sy ny fitoerana masìna indrindra ho anareo. **34** Ary ny rakotra fanaovam-panavotana dia ataovy eo ambonin' ny fiaran' ny Vavolombelona eo amin' ny fitoerana masìna indrindra. **35** Ary apetraho eo ivelan' ny efitra ny latabatra, ary ny fanaovan-jiro tandrifin' ny latabatra amin' ny lafiny atsimo amin' ny tabernakely; ary ny latabatra ataovy eo amin' ny lafiny avaratra. **36** Ary manaova varavarana lamba ho eo amin' ny lay, dia amin' ny manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina, asan' ny mahay tenona samy hafa soratra. **37** Ary manaova andry hazo akasia dimy ho amin' ny varavarana lamba, ka petaho takela-bolamena; ary ho volamena koa ny fihantonany; ary mandrendreha faladia varahina dimy hiorenany.

27 Ary manaova ny alitara amin' ny hazo akasia: dimy hakiho avy ny lafiny efatra, dia ho efa-joro tsy mivadi-mandry izy; ary telo hakiho ny hahavony. **2** Ary manaova ny tandrony eo amin' ny zorony efatra, ka ataovy miray aminy; ary petaho takela-barahina. **3** Ary manaova ny vilaniny fandraofan-davenona handraofana ny lavenony ary ny sotron' afony sy ny loviany famafazana ary ny fitrebiny sy ny fitondran' afony; varahina no hanaovanao ny fanaka rehetra momba azy. **4** Ary manaova makarakara varahina tahaka ny harato ho eo aminy; ary manaova vava-varahina efatra hatao ambonin' ny harato eo amin' ny zorony efatra, **5** Ary ataovy eo ambanin' ny sikin' ny alitara hatreo ambodiny izany; ary aoka ny makarakara hanasaka ny alitara. **6** Ary manaova bao ho amin' ny alitara, dia bao hazo akasia, ka petaho takela-barahina, **7** Ary ampidiro eo amin' ny vava varahina ny bao; ary aoka ho eo amin' ny lafiny roa amin' ny alitara ny bao, raha lanjaina izy, **8** Hazo fisaka no arafeto ho alitara, ka ataovy hobokaty; araka izay naseho taminao tao an-tendrombohitra no hanaovana azy. **9** Ary manaova ny kianjan' ny tabernakely: amin' ny lafiny atsimo hisy fefy lamba rongony fotsy madinika voahasina ho amin' ny kianja, zato hakiho ny halavany amin' ny lafiny iray; **10** ary ho roa-polo ny tsangantsangany, ary ho roa-polo ny faladiany varahina; ho volafotsy ny fihantonana amin' ny tsangantsangany sy ny anjaka hitohizany, **11** Ary ho tahaka izany amin' ny lafiny avaratra, amin' ny lavany dia hisy fefy lamba, zato hakiho ny halavany, ary ho roa-polo ny tsangantsangany, ary ho roa-polo ny faladiany varahina; ho volafotsy ny fihantonana amin' ny tsangantsangany sy ny anjaka hitohizany, **12** Ary hisy fefy lamba dimam-polo hakiho amin' ny sakan' ny kianja amin' ny lafiny andrefana; ho folo ny tsangantsangany, ary ho folo ny faladiany, **13** Ary ny sakan' ny kianja amin' ny lafiny atsinanana ho dimam-polo hakiho. **14** Ary hisy fefy lamba dimy ambin' ny folo hakiho amin' ny sakany iray; ho telo ny tsangantsangany, ary ho telo ny faladiany. **15** Ary hisy fefy lamba dimy ambin' ny folo hakiho amin' ny sakany iray koa; ho telo ny tsangantsangany ary ho telo ny faladiany. **16** Ary eo amin' ny vavahadin' ny kianja dia hisy vavahady sy lamba roa-polo hakiho, dia manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina, asan' ny mahay tenona samy hafa soratra; ho efatra ny tsangantsangany, ary ho efatra ny faladiany. **17** Ny tsangantsangany rehetra amin' ny kianja manodidina dia samy hisy anjaka volafotsy hitohizany; ho volafotsy ny fihantonany, ary ho varahina ny faladiany, **18** Ny lavan' ny kianja ho zato hakiho, ary ny sakany ho dimam-polo hakiho, ary ny hahavony ho dimy hakiho, ka hatao rongony fotsy madinika voahasina izany, ary ho varahina ny faladiany. **19** Ho varahina avokoa ny fiasana rehetra momba ny tabernakely; ary ny tsimatra rehetra momba azy sy ny tsimatry ny kianja ho varahina koa. **20** Ary mandidia ny Zanak' Isiraely hitondra aminao diloilon' oliva tsara voavely hatao fanazavana, mba hampirehetana jiro mandrakariva. **21** Ao anatin' ny trano lay fihaonana, dia eo ivelan' ny efitra lamba izay manakona ny Vavolombelona, no handaharan' i Arona sy ny zanany azy ho eo anatrehan' i Jehovah hatramin' ny hariva ka hatramin' ny maraina; ho lalàna mandrakizay amin' ny Zanak' Isiraely izany hatramin' ny taranany fara mandimby,

28 Ary asaovy manatona anao Arona rahalahinao mbamin' ny zanany, avy amin' ny Zanak' Isiraely, mba ho mpisorona ho Ahy izy, dia Arona mbamin' i Nadaba sy Abiho sy Eleazara ary Itamara, zanak' i Arona. **2** Ary manaova fitafiana masìna ho an' i Arona rahalahinao ho voninahitra sy ho fahatsaran-tarehy. **3** Ary mitenena amin' izay hendry fo, izay nofenoiko fanahim-pahendrena, mba hanao ny fitafian' i Arona hanamasinana azy ho mpisorona ho Ahy. **4** Ary izao no fitafiana izay hataony: saron-tratra sy efoda sy akanjo ivelany sy akanjo lava tenom-boaroy sy hamama ary fehin-kibo; dia hanao fitafiana masìna ho an' i Arona rahalahinao izy, sy ho an' ny zanany, mba ho mpisorona ho Ahy izy. **5** Ary aoka haka ny volamena sy ny manga sy ny volomparasy sy ny mena ary ny rongony fotsy madinika izy. **6** Dia aoka izy hanao ny efoda amin' ny volamena sy manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina, asan' ny mpanenona mahay. **7** Aoka hisy soroka roa avy amin' ny sisiny roa hampikambana azy. **8** Ary ny fehin-kibo momba ny efoda, izay eo amboniny ka hiray aminy sady hitovy tarehy aminy, dia hatao volamena sy manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina. **9** Ary makà vato beryla roa, ka soraty eo aminy ny anaran' ny Zanak' Isiraely: **10** ny anarany enina amin' ny vato iray, ary ny anarany enina kosa amin' ny vato iray, araka ny fizokiany; **11** amin' ny asan' ny mpanora-bato, tahaka ny fanoratana fanombohan-kase, no hanoratanao ny vato roa, araka ny anaran' ny Zanak' Isiraely; ary asio randram-bolamena manodidina izy, **12** Ary ataovy eo amin' ny soroky ny efoda ny vato roa, ho vato fahatsiarovana ho an' ny Zanak' Isiraely; ary Arona hitondra ireo anarany ireo eo anatrehan' i Jehovah amin' ny sorony roa ho fahatsiarovana. **13** Ary manaova randram-bolamena **14** sy olam-bolamena tsara roa; mifanolana toy ny tady no hanaovanao ireo, ary hataonao eo amin' ny randram-bolamena ireo alom-bolamena toy ny tady ireo. **15** Ary manaova saron-tratra fitsarana, ka asan' ny mpanenona mahay, toy ny nanaovana ny efoda, no hanaovanao azy; volamena sy manga sy volomparasy sy mena ary rongony

fotsy madinika voahasina no hanaovanao azy. **16** Ho efa-joro miforitra roa izy, ary ho irain-jehy avy ny lafiny efatra. **17** Ary asio vato alatsaka an-tranontranony izy, dia vato efatra an-dalana: ny an-dalana voalohany dia karnelia sy topaza ary emeralda; **18** ary ny an-dalana faharoa dia robina sy safira ary onyksa; **19** ary ny an-dalana fahatelo dia opala sy agata ary ametysta; **20** ary ny an-dalana fahefatra dia krysolita sy beryla ary jaspy; ary asio randram-bolamena ny fitoerany avy. **21** Ary ny vato dia alaharo araka ny anaran' ny Zanak' Isiraely, dia roa ambin' ny folo araka ny anarany; ary hisy soratra toy ny amin' ny fanombohan-kase, ho amin' ny firenena roa ambin' ny folo araka ny anarany avy. **22** Ary eo amin' ny saron-tratra asio olam-bolamena tsara mifanolana toy ny tady. **23** Ary manaova vava volamena roa ho eo amin' ny saron-tratra; ary ny vava vola roa dia ataovy eo amin' ny zorony roa ambony amin' ny saron-tratra. **24** Ary ny tady volamena roa dia ataovy eo amin' ny vava vola roa, izay amin' ny zorony roa ambony amin' ny saron-tratra. **25** Ary ny lanin' ny tady roa dia ataovy eo amin' ny soroky ny efoda anoloana. **26** Ary manaova vava volamena roa, ka ataovy amin' ny zorony roa ambany amin' ny saron-tratra, dia amin' ny sisiny anatiny, izay manolotra ny efoda. **27** Ary manaova vava volamena roa koa, ka ataovy eo amin' ny soroko roa amin' ny efoda, dia ao ambaniny, eo anoloany, akaikin' ny fikambanany, eo ambonin' ny fehin-kibo momba ny efoda. **28** Ary kofehy manga no hamehezana ny vava volan' ny saron-tratra amin' ny vava volan' ny efoda, mba ho eo ambonin' ny fehin-kibo momba ny efoda ny saron-tratra, ka tsy ho afaka eo. **29** Ary Arona hitondra ny anaran' ny Zanak' Isiraely eo amin' ny saron-tratra fitsarana manolotra ny fony, raha miditra amin' ny fitoerana masìna izy, mba ho fahatsiarovana mandrakariva eo anatrehan' i Jehovah. **30** Ary ataovy eo amin' ny saron-tratra fitsarana ny Orima sy Tomima; ary hanolotra ny fon' i Arona izany, raha miditra eo anatrehan' i Jehovah izy; ka dia ho entin' i Arona manolotra ny fony mandrakariva eo anatrehan' i Jehovah ny fitsarana ny Zanak' Isiraely. **31** Ary ny akanjo ivelany misy ny efoda dia ataovy manga avokoa. **32** Ary asio vozony eo afovoany, ary aoka hisy sisiny voatenona manodidina ny vozony, tahaka ny vozon' ny akanjo fiarovan-tratra, mba tsy hahatriatra azy. **33** Ary asio sarin' ampongabendanitra manga sy volomparasy sy mena manodidina eny amin' ny moron-tongony, ary famohamandry volamena kosa eo anelanelany manodidina: **34** dia famohamandry sy sarin' ampongabendanitra mifanelanelana manodidina eny amin' ny moron-tongotry ny akanjo ivelany. **35** Ary hiakanjoan' i Arona izany, raha manao ny fanompoam-pivavahany izy, mba ho re ny fanenony, raha miditra amin' ny fitoerana masìna eo anatrehan' i Jehovah sy raha mivoaka izy, mba tsy hahafaty azy. **36** Ary manaova takela-bolamena tsara, ka asio soratra eo aminy, araka ny fanoratana fanombohan-kase, hoe: HAMASININA HO AN' I JEHOVAH. **37** Ary asio kofehy manga izy, ka ataovy eo amin' ny hamama: dia eo anoloan' ny hamama no hasiana azy. **38** Ary ho eo ambonin' ny handrin' i Arona izy, mba ho entin' i Arona ny heloky ny zava-masìna, izay hohamasinin' ny Zanak' Isiraely amin' ny fanomezany masìna rehetra; ary ho eo amin' ny handriny mandrakariva izany, mba hankasitrahana eo anatrehan' i Jehovah ny olona. **39** Ary ny akanjo lava dia ataovy hariry madinika tenom-boaroy; ary manaova hamama rongony fotsy madinika sy fehin-kibo, asan' ny mahay tenona samy hafa soratra. **40** Ary manaova akanjo lava ho an' ny zanak' i Arona, ary manaova fehin-kibo ho azy; ary manaova satroka boribory ho azy ho voninahitra sy ho fahatsaran-tarehy. **41** Ary ataovy amin' i Arona rahalahinao sy ny zanany koa ireo; dia manosora azy sy manokana azy ary manamasìna azy, mba ho mpisorona ho Ahy izy. **42** Ary manaova kalisaona fohy rongony fotsy ho azy hanarona ny fitanjahany; hatramin' ny valahany ka hatramin' ny feny no hisy azy. **43** Ary hiakanjoan' i Arona sy ny zanany ireo, raha miditra amin' ny trano-lay fihaonana izy, na manakaiky ny alitara hanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna, mba tsy hahazoany heloka hahafaty azy; ho lalàna mandrakizay aminy sy amin' ny taranany mandimby azy izany.

29 Ary izao no zavatra hataonao aminy hanamasinana azy ho mpisorona ho Ahy: makà vantotr' ombilahy iray sy ondrilahy roa tsy misy kilema, **2** ary mofo tsy misy masirasira sy mofo tsy misy masirasira voaharo diloilo ary mofo manify tsy misy masirasira sady voahoso-diloilo; koba tsara toto no hanaovanao azy. **3** Ary ataovy eo anaty harona iray izy, ka ento amin' ny harona; ary ny vantotr' ombilahy sy ny ondrilahy roa dia ento koa. **4** Ary Arona Sy ny zanany dia ento hankeo amin' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, ka ampandroy amin' ny rano izy **5** Ary alao ny fitafiana ka ampiakanjoy an' i Arona ny akanjo lava sy ny akanjo ivelany misy ny efoda ary ny efoda sy ny saron-tratra ary fehezo amin' ny fehin-kibo mamba ny efoda izy; **6** ary ny hamama dia ataovy eo amin' ny lohany, ary ny diadema masìna dia ataovy eo amin' ny hamama. **7** Ary alao ny diloilo fanosorana, ka aidino amin' ny lohany, dia manosora azy. **8** Ary ny zanany dia ento koa, ka ampiakanjoy akanjo lava. **9** Ary fehezo amin' ny fehin-kibo izy, dia Arona sy ny zanany, ary fehezo aminy ny satroka boribory; ary ho azy ny fisoronana ho lalàna mandrakizay. Dia toy izany no hanokananao an' i Arona sy ny zanany. **10** Ary asaovy entina ho eo anoloan' ny trano-lay fihaonana ny vantotr' ombilahy; ary aoka Arona sy ny zanany hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny vantotr' ombilahy; **11** dia vonoy eo anatrehan' i Jehovah ny vantotr' ombilahy, eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana; **12** ary analao ny ran' ny vantotr' ombilahy, dia atenteno eo amin' ny tandroky ny alitara amin' ny fanandranao, ary ny rà sisa rehetra dia aidino eo am-bodin' ny alitara; **13** ary alao ny safo-drorohany rehetra sy ny ila-atiny lehibe ary ny voany roa mbamin' ny fonom-boany, ka dory ho fofona eo ambonin' ny alitara; **14** fa ny henan' ny vantotr' ombilahy sy ny hodiny ary ny tain-drorohany dia dory amin' ny afo eny ivelan' ny toby; fanatitra noho ny ota izany. **15** Ary alao ny ondrilahy iray; ary aoka Arona sy ny zanany hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny ondrilahy; **16** dia vonoy ny ondrilahy, ka tantazo ny ràny, dia atopazy manodidina amin' ny lafin' ny alitara; **17** ary rasao tsara ny ondrilahy, dia sasao ny

taovany sy ny tongony, ka ataovy eo ambonin' ny voarasa sy ny lohany; **18** ary dory ho fofona eo ambonin' ny alitara ny tenan' ny ondrilahy; ho fanatitra dorana ho an' i Jehovah izany, dia hanitra ankasitrahana, fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **19** Ary alao ny ondrilahy iray koa; ary aoka Arona sy ny zanany hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny ondrilahy; **20** dia vonoy ny ondrilahy ka analao ny ràny, dia atenteno amin' ny tendron' ny ravin-tsofina ankavanan' i Arona sy amin' ny tendron' ny ravin-tsofina ankavanan' ny zanany, ary amin' ny ankihiben-tànany ankavanana sy amin' ny ankihiben-tongony ankavanana; ary ny rà sisa dia atopazy manodidina amin' ny lafin' ny alitara **21** Ary analao ny rà, izay eo ambonin' ny alitara, sy ny diloilo fanosorana, ka afafazo amin' i Arona sy amin' ny fitafiany, ary amin' ny zanany sy amin' ny fitafian' ny zanany koa; dia ho masìna izy sy ny fitafiany ary ny zanany sy ny fitafian' ny zanany koa. **22** Ary alao ny saboran' ny ondrilahy sy ny hofany sy ny safo-drorohany sy ny ila-atiny lehibe sy ny voany roa mbamin' ny fonom-boany ary ny soroka ankavanana; fa ondrilahy fanakanana izy; **23** ary manala iray amin' ny mofo sy iray amin' ny mofo voaisy diloilo ary iray amin' ny mofo manify izay eo amin' ny harona misy ny mofo tsy misy masirasira, izay eo anatrehan' i Jehovah; **24** ary ataovy eo an-tànan' i Arona sy eo an-tànan' ny zanany izy rehetra, ka ahevahevao izy hofanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah. **25** Dia raiso amin' ny tànany izany, ka dory ho fofona eo ambonin' ny alitara, miaraka amin' ny fanatitra dorana ho hanitra ankasitrahana eo anatrehan' i Jehovah, dia fanatitra atao amin' ny afo, ho an' i Jehovah. **26** Ary alao ny tratran' ny ondrilahy fanokanana an' i Arona, ka ahevahevao ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah; dia ho anjaranao izany. **27** Ary hamasino ny tratran' ny fanatitra ahevaheva sy ny soroky ny fanatitra asandratra, izay ahevaheva sy izay asandratra avy amin' ny ondrilahy fanokanana, dia izay ho an' i Arona sy izay ho an' ny zanany. **28** Ary ho anjara mandrakizay ho an' i Arona sy ho an' ny taranany avy amin' ny Zanak' Isiraely izany, fa fanatitra asandratra izany; ary hisy fanatitra asandratra haterin' ny Zanak' Isiraely avy amin' ny fanati-pihavanany rehetra ho fanatitra asandratra ho an' i Jehovah. **29** Ary ny fitafiana masìna izay an' i Arona dia ho an' ny zanany mandimby azy koa hanosorana azy sy hanokanana azy. **30** Hiakanjo azy hafitoana izay anankiray amin' ny zanany ho mpisarona handimby azy, dia izay miditra amin' ny trano-lay fihaonana hanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna. **31** Ary alao ny ondrilahy fanokanana ka andrahoy eo amin' izay fitoerana masìna ny henany **32** Ary hohanin' i Arona sy ny zanany eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana ny henan' ny ondrilahy sy ny mofo izay eo anatin' ny harona. **33** Ary izy na hihinana izany zavatra izany, izay nanaovana fanavotana ho azy, mba hanokanana sy hanamasinana azy; fa ny vahiny tsy mba hihinana, satria masìna izany. **34** Ary raha misy sisa tsy lany amin' ny henan' ny fanatitra fanokanana, na amin' ny mofo, ka tra-maraina, dia hodoranao amin' ny afo ny sisa tsy lany: tsy hohanina izany, satria masìna. **35** Dia manaova izany amin' i Arona sy ny zanany, araka izay rehetra nandidiako anao; hafitoana no hanokananao azy. **36** Ary vantotr' ombilahy iray no haterinao isan' andro ho fanatitra noho ny ota, hanaovana fanavotana; ary diovy ny alitara, raha manao fanavotana azy ianao; ary hosory izy hanamasina azy. **37** Hafitoana no hanaovanao fanavotana ho an' ny alitara sy hanamasinanao azy; dia ho masìna indrindra ny alitara, ary ho masìna izay rehetra manendry azy. **38** Ary izao no haterinao eo ambonin' ny alitara: zanak' ondry roa izay iray taona isan' andro isan' andro **39** (ny zanak' ondry iray haterinao nony maraina, ary ny zanak' ondry iray koa haterinao nony hariva), **40** ary koba tsara toto ampahafolon' ny efaha voaharoharo diloilo voavely ampahefatry ny hina sy divay ampahefatry ny hina, ho fanatitra aidina amin' ny isan-janak' ondry iray. **41** Ary ny zanak' ondry iray koa haterinao nony hariva; ary fanatitra hohanina sy fanatitra aidina tahaka ny natao tamin' ny fanatitra maraina no hampombainao azy, ho hanitra ankasitrahana, dia fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **42** Ho fanatitra dorana mandrakariva izany hatramin' ny taranakareo fara mandimby, eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana eo anatrehan' i Jehovah, dia ao amin' izay hihaonako aminareo hiteny aminao **43** Ary hihaona amin' ny Zanak' Isiraely ao Aho, ka hohamasinin' ny voninahitro izy. **44** Ary hohamasiniko ny trano-lay fihaonana sy ny alitara; ary hohamasiniko koa Arona sy ny zanany mba ho mpisorona ho Ahy. **45** Ary honina eo amin' ny Zanak' Isiraely Aho ka ho Andriamaniny. **46** Ary ho fantany fa Izaho no Jehovah Andriamaniny, Izay nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, mba honina eo aminy Aho; Izaho no Jehovah Andriamaniny.

30 Ary manaova alitara handoroana ditin-kazo manitra; hazo akasia no hanaovanao azy. **2** Ho iray hakiho avy ny lafiny efatra, dia ho efa-joro izy, ary ho roa hakiho ny hahavony; koa ataovy miray aminy ny tandrony. **3** Ary petaho takela-bolamena tsara izy, dia ny tampony sy ny lafiny manodidina ary ny tandrony; ary asio koronosy volamena manodidina. **4** Ary asio vava volamena roa izy eo ambanin' ny koronosiny, ka ataovy eo amin' ny zorony efatra ireo; ary ho fitoeran' ny bao ireo hilanjana azy. **5** Ary hazo akasia no anaovy ny bao, ka petaho takela-bolamena. **6** Ary apetraho eo anoloan' ny efitra izay manakona ny fiaran' ny Vavolombelona izy, dia manandrify ny rakotra fanaovam-panavotana eo ambonin' ny Vavolombelona, izay hihaonako aminao. **7** Ary Arona handoro ditin-kazo mani-pofona eo; isa-maraina, raha mamboatra ny lela fanaovan-jiro, no handoroany izany; **8** ary raha mampirehitra ny lela fanaovan-jiro Arona nony hariva no handoroany izany koa; ditin-kazo mani-pofona eo anatrehan' i Jehovah mandrakariva hatramin' ny taranakareo fara mandimby izany. **9** Aza manatitra ditin-kazo manitra tsy izy eo ianareo, na fanatitra dorana, na fanatitra hohanina; ary aza manidina fanatitra aidina eo. **10** Ary aoka Arona hanao fanavotana eo amin' ny tandrony indray mandeha isan-kerintaona; amin' ny ran' ny fanatitra noho ny ota, izay atao fanavotana, indray mandeha isan-kerintaona, no hanaovany fanavotana eo, hatramin' ny taranakareo fara mandimby; ho masìna

indrindra ho an' i Jehovah izany. **11** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe; **12** Raha maka ny isan' ny Zanak' Isiraely araka ny fandaminana azy ianao, dia samy handoa avotry ny ainy avy ho an' i Jehovah ny isan-olona, raha alamina izy, mba tsy hisy areti-mandringana hanjo azy, raha alamina izy. **13** Izao no haloan' izay rehetra voalamina, dia antsasaky ny sekely avy araka ny sekely masìna (gera roa-polo ny sekely iray), eny, antsasaky ny sekely ho fanatitra ho an' i Jehovah. **14** Izay rehetra voalamina hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra no handoa ny fanatitra ho an' i Jehovah. **15** Ny manan-karena tsy handoa mihoatra noho ny antsasaky ny sekely, ary ny malahelo tsy handoa latsaka, raha mandoa ny fanatitra ho an' i Jehovah izy, hanavotra ny ainareo. **16** Ary handray ny vola avotra amin' ny Zanak' Isiraely ianao, ka hataonao amin' ny fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana; ary ho fahatsiarovana ho an' ny Zanak' Isiraely eo anatrehan' i Jehovah izany, ho avotry ny ainareo. **17** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **18** Manaova tavy varahina hanasana, ary aoka ho varahina koa ny faladiany; ary apetraho eo anelanelan' ny trano-lay fihaonana sy ny alitara izy, ka asio rano eo anatiny. **19** Ary eo no hanasan' i Arona sy ny zanany ny tongony aman-tanany. **20** Raha miditra amin' ny trano-lay fihaonana izy, dia hisasa amin' ny rano, mba tsy hahafaty azy. Ary raha manakaiky ny alitara hanao fanompoam-pivavahana izy, mba handoro ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, **21** dia hanasa ny tongony aman-tànany izy, mba tsy hahafaty azy; ary ho lalàna mandrakizay aminy sy ny zanany izany hatramin' ny taranany fara mandimby. **22** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **23** Makà zava-manitra tsara ho anao, dia miora mitete dimam-jato sekely sy havozomanitra antsasak' izany, dia dimam-polo amby roan-jato, sy veromanitra dimam-polo amby roan-jato **24** sy kasia dimam-jato; araka ny sekely masìna, ary diloilon' oliva eran' ny hina; **25** dia amboary ho diloilo fanosorana masìna izany, ho zavatra aharoharo, asan' ny mpangaroharo zava-manitra; ho diloilo fanosorana masìna izany. **26** Ary hosory amin' izany ny trano-lay fihaonana sy ny fiaran' ny Vavolombelona, **27** sy ny latabatra mbamin' ny fanaka rehetra momba azy sy ny fanaovan-jiro mbamin' ny fanaka momba azy sy ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra, **28** ary ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana mbamin' ny fanaka rehetra momba azy ary ny tavy sy ny faladiany. **29** Ary hamasino ireo mba ho masìna indrindra; ary ho masìna izay rehetra manendry azy. **30** Ary hosory Arona sy ny zanany, ka hamasino izy mba ho mpisorona ho Ahy. **31** Ary mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Ity ho diloilo fanosorana masìna ho Ahy hatramin' ny taranakareo fara mandimby. **32** Aoka tsy hihosoran' ny olon-kafa izany, na hisy haka tahaka azy, araka ny fanaovana azy; fa masìna izy ka ho masìna aminareo. **33** Na zovy na zovy mangaroharo izay tahaka azy, ary na zovy na zovy manosotra azy amin' ny vahiny dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **34** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Makà zava-manitra ho anao, dia natafa sy sekeleta sy helbena ary lebona madio; samy hamboarina manokana ireo. **35** Ary ataovy ditin-kazo manitra izy, dia zavatra aharoharo araka ny fanaon' ny mpangaroharo zava-manitra, dia asio sira izy, ary aoka ho madio sy masìna. **36** Ary torotoroy ny sasany ho madinika indrindra, dia ataovy eo anoloan' ny Vavolombelona ao amin' ny trano-lay fihaonana, izay hihaonako aminao; ho masìna indrindra ho anareo izany. **37** Ary ny amin' ny ditin-kazo manitra izay hataonao, dia aza mba misy atao tahaka azy ny ho anareo; ho masìna aminao ho an' i Jehovah izany. **38** Na zovy na zovy manao izay tahaka azy ho fanorohana dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny.

31 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Indro, efa notononiko anarana Bezalila, zanak' i Ory, zanak' i Hora, avy amin' ny firenen' i Joda; **3** ary efa nofenoiko fanahin' Andriamanitra izy, dia fahendrena sy fahiratan-tsaina sy fahalalana ny amin' ny tao-zavatra samy hafa: **4** dia ny hihevitra hanao asa kanto, ny hiasa volamena sy volafotsy ary varahina **5** sy ny hamboatra vato halatsaka an-tranontranony ary ny handrafitra hazo, mba hanaovany ny tao-zavatra samy hafa. **6** Ary, indro, Izaho efa nanome an' i Oholiaba, zanak' i Ahisamaka, avy amin' ny firenen' i Dana, ho namany; ary ny fon' izay hendry rehetra dia efa nasiako fahendrena, mba hanaovany izay rehetra efa nandidiako anao: **7** dia ny trano-lay fihaonana sy ny fiara hasiana ny Vavolombelona sy ny rakotra fanaovam-panavotana, izay eo amboniny, sy ny fanaka rehetra momba ny trano-lay. **8** sy ny latabatra mbamin' ny fanaka momba azy, sy ny fanaovan-jiro tsara mbamin' ny fanaka rehetra momba azy, sy ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra **9** sy ny alitara fandoroana ny fanatitra odorana mbamin' ny fanaka rehetra momba azy, ary ny tavy, sy ny faladiany. **10** ary ny fitafiana makarakara sy ny fitafiana masìna ho an' i Arona mpisorona sy ny fitafian' ny zanany ho entiny misorona, **11** ary ny diloilo fanosorana sy ny ditin-kazo manitra ho ao amin' ny fitoerana masìna: araka izay rehetra nandidiako anao no aoka hataon' ireo. **12** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **13** Ary dia milaza amin' ny Zanak' Isiraely ianao hoe: Ny Sabatako no tandremo; fa famantarana ho amiko, sy ho aminareo hatramin' ny taranakareo fara mandimby izany, mba ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Izay manamasìna anareo. **14** Koa tandremo ny Sabata, fa masìna aminareo izany; izay tsy manamasìna azy dia hatao maty tokoa, fa izay rehetra manao raharaha amin' izany dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **15** Henemana no hanaovana raharaha; fa ny andro fahafito dia tena fitsaharana ka masìna ho an' i Jehovah: izay rehetra manao raharaha amin' ny andro Sabata dia hatao maty tokoa. **16** Dia hotandreman' ny Zanak' Isiraely ny Sabata hankatoavany azy hatramin' ny taranany fara mandimby, dia fanekena mandrakizay izany. **17** Ho famantarana amiko sy amin' ny Zanak' Isiraely mandrakizay izany; fa tamin' ny henemana no nanaovan' i Jehovah ny lanitra sy ny tany, ary tamin' ny andro fahafito dia nitsahatra Izy ka niala sasatra. **18** Ary rehefa vita ny teny nataony tamin' i Mosesy tao an-tendrombohitra Sinay, dia nomeny azy ny vato fisaka roa, izay nisy ny

Vavolombelona, dia vato fisaka voasoratry ny rantsantànan' Andriamanitra.

32 Ary rehefa hitan' ny olona fa efa ela ka tsy mbola nidina avy tao an-tendrombohitra ihany Mosesy, dia niangona ho eo amin' i Arona izy ka nanao taminy hoe: Mitsangana, ka anaovy andriamanitra izahay, hitarika antsika eo aloha; fa ilay Mosesy iny, izay lehilahy nitondra antsika niakatra avy tany amin' ny tany Egypta, dia tsy fantatray izay nanjo azy, **2** Ary hoy Arona taminy: Romboty ary ny kavim-bolamena, izay eny amin' ny sofin' ny vadinareo sy ny zanakareo-lahy ary ny zanakareo-vavy, ka ento etỳ amiko. **3** Ary ny olona rehetra dia nandrombotra ny kavim-bolamena izay teny amin' ny sofiny ka nitondra azy ho eo amin' i Arona. **4** Ary izy nandray azy tamin' ny tanan' ny olona, dia namboatra azy tamin' ny fandraka ka nanao azy ho ombilahy kely an-idina; dia niteny ny olona ka nanao hoe: Io no andriamanitrao, ry Isiraely, izay nitondra anao niakatra avy tany amin' ny tany Egypta. **5** Ary raha hitan' i Arona izany, dia nanao alitara teo anoloany izy; ary dia niantso Arona ka nanao hoe: Andro firavoravoana ho an' i Jehovah rahampitso. **6** Dia nifoha maraina koa ny olona ka nanatitra fanatitra dorana sy nitondra fanatipihavanana; ary nipetraka hihinana sy hisotro ny olona, dia nitsangana hilalao. **7** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mandehana midìna ianao; fa efa nanao ratsy ny olonao izay nentinao niakatra avy tany amin' ny tany Egypta. **8** Nalaky nivily niala tamin' ny lalàna izay nasaiko nalehany izy ka efa nanao ombilahy kely an-idina ho azy; ary efa niankohoka teo anatrehany sy namono zavatra hatao fanatitra taminy izy ka nanao hoe: Io no andriamanitrao, ry Isiraely, izay nitondra anao niakatra avy tany amin' ny tany Egypta. **9** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Efa hitako io firenena io, fa, indro, firenena mafy hatoka izy. **10** Koa ankehitriny avelao hirehitra aminy ny fahatezerako, ka haringako izy; fa hahatonga anao ho firenena lehibe Aho. **11** Fa Mosesy nifona tamin' i Jehovah Andriamaniny ka nanao hoe: Jehovah ô, nahoana ny fahatezeranao no mirehitra amin' ny olonao, izay nentinao nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta tamin' ny hery lehibe sy ny tanana mahery? **12** Nahoana ny Egyptiana no avela hilaza hoe: Mba hahita loza no nitondrany ireny nivoaka, hamonoany azy eny an-tendrombohitra sy handringanany azy tsy ho ambonin' ny tany? Mialà amin' ny fahatezeranao mirehitra, ka manenena ny amin' ny loza izay hanjo ny olonao. **13** Tsarovy Abrahama sy Isaka ary Isiraely mpanomponao, izay nianiananao tamin' ny tenanao sy nilazanao hoe: Hahamaro ny taranakareo Aho ho tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra; ary izany tany rehetra nolazaiko izany dia homeko ny taranakareo, ary izy handova izany mandrakizay. **14** Ary Jehovah dia nanenina ny amin' ny loza izay nokasainy hamelezana ny olony. **15** Ary Mosesy nihodina ka nidina avy tao an-tendrombohitra, nitondra ny vato fisaka roa nisy ny Vavolombelona teny an-tànany; ny vato fisaka nosoratana teo amin' ny lafiny roa: dia teo anatrehany sy teo ambadika no nisy ny soratra. **16** Ary ny vato fisaka dia asan' Andriamanitra, ary ny soratra dia soratr' Andriamanitra, voasoratra teo amin' ny vato fisaka. **17** Ary rehefa ren' i Josoa ny fitabataban' ny olona izay nihorakoraka, dia hoy izy tamin' i Mosesy: Misy tabataban' ady atsy an-toby. **18** Fa hoy kosa izy: Tsy feo fihobian' ny mahery na feo fitomanian' ny resy no reko, fa feon' ny mihira. **19** Ary raha nanakaiky ny toby izy, dia nahita ny ombilahy kely sy ny dihy; ary nirehitra ny fahatezeran' i Mosesy, dia natontany ny vato fisaka teny an-tànany ka novakivakiny teo ambodin' ny tendrombohitra. **20** Dia nalainy ilay ombilahy kely izay efa nataon' ny olona ka nodorany tamin' ny afo, ary notorotoroiny ho vovoka, dia nafafiny tambonin' ny rano ka nampisotroiny ny Zanak' Isiraely. **21** Ary hoy Mosesy tamin' i Arona: Inona no nataon' ity firenena ity taminao, no nitondranao heloka lehibe taminy? **22** Fa hoy kosa Arona: Aoka tsy hirehitra ny fahatezeranao, tompoko, fa ianao mahalala ny toetry ny olona, fa mpanao ratsy izy; **23** ary hoy izy tamiko: Manaova andriamanitra ho antsika, hitarika antsika eo aloha; fa ilay Mosesy iny, izay lehilahy nitondra antsika niakatra avy tany amin' ny tany Egypta, dia tsy fantatray izay nanjo azy. **24** Ary hoy izaho taminy: Na zovy na zovy manam-bolamena, aoka handrombotra izany izy, ka dia nomeny ahy; ary natsipiko tao anaty afo izany, ka io ombilahy kely io no nivoaka. **25** Ary rehefa hitan' i Mosesy fa natondraka hanaram-po amin' izay tsy mety ny olona, satria efa natondrak' i Arona ho fanakorana eo amin' ny fahavalony izy, **26** dia nijanona teo amin' ny vavahadin' ny toby Mosesy ka nanao hoe: Izay rehetra an' i Jehovah mankanesa etỳ amiko. Ary ny taranak' i Levy rehetra niangona teo aminy. **27** Dia hoy izy taminy: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Samia manao ny sabany eo am-balahany avy ianareo, dia mandrosoa sy miverimberena amin' isam-bavahadin' ny toby, ary samia mamono ny rahalahiny avy sy ny sakaizany avy ary ny namany avy ianareo. **28** Dia nanao araka ny tenin' i Mosesy ny taranak' i Levy; ary nahafatesana tokony ho telo arivo lahy ny olona tamin' izany andro izany. **29** Fa Mosesy efa nilaza hoe: Manokàna ny tenanareo ho an' i Jehovah ianareo anio; eny, samia mamono ny zanany sy ny rahalahiny avy, mba hahazoanareo fitahiana anio. **30** Ary nony maraina dia hoy Mosesy tamin' ny olona: Efa nanao fahotana lehibe ianareo; ary ankehitriny, dia hiakatra ho amin' i Jehovah aho, fa angamba hahazo manao fanavotana ny amin' ny fahotanareo. **31** Ary Mosesy dia niverina ho ao amin' i Jehovah ka nanao hoe: Indrisy! efa nanao fahotana lehibe ity firenena ity ka efa nanao andriamani-bolamena ho azy. **32** Ary ankehitriny, enga anie ka hamela ny fahotany Hianao! fa raha tsy izany, mifona aminao aho, vonoy eo amin' ny bokinao izay nosoratanao ny anarako. **33** Fa hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Na iza na iza nanota tamiko, dia hovonoiko ny anarany eo amin' ny bokiko. **34** Mandehana ankehitriny, ka ento ny olona ho any amin' izay efa nolazaiko taminao; indro, ny Anjeliko no hitarika anao eo aloha; ary amin' izay andro hamaliako dia hamaly azy noho ny fahotany Aho. **35** Ary Jehovah namely ny olona, satria nanao ny ombilahy kely izy, dia ilay nataon' i Arona.

33 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy hoe: Mandehana miakatra hiala atỳ ianao sy ny firenena izay nentinao niakatra avy tany amin' ny tany Egypta, ho amin' ny tany izay nianianako tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba hoe: Ny taranakao no homeko azy. **2** Ary haniraka Anjely Aho hitarika anao eo aloha (ka horoahiko ny Kananita sy ny Amorita sy ny Hetita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita), **3** dia ho amin' izay tany tondra-dronono sy tantely; nefa tsy hiara-miakatra aminao Aho (satria olona mafy hatoka ianao), fandrao handringana anao eny an-dalana Aho. **4** Ary rehefa ren' ny olona izany teny mampahory izany, dia nanjoretra izy, ka tsy nisy olona niravaka intsony. **5** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Lazao amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Hianareo dia olona mafy hatoka; koa raha hiara-miakatra aminao Aho, na dia indray mipi-maso aza, dia handringana anao Aho; koa ankehitriny, esory ny firavakao hiala aminao, mba ho fantatro izay hataoko aminao. **6** Ary ny Zanak' Isiraely dia nanala ny firavany hatreo an-tendrombohitra Horeba. **7** Ary fanaon' i Mosesy ny maka ny lay ka manorina azy eo ivelan' ny toby lavidavitra, ary ny anarany dia nataony hoe Ny trano-lay fihaonana. Ary izay rehetra nitady an' i Jehovah dia nivoaka ho eny amin' ny trano-lay fihaonana izay teo ivelan' ny toby. **8** Ary raha nivoaka ho eo amin' ny lay Mosesy, dia nitsangana ny olona rehetra, ka samy nijanona teo anoloan' ny varavaran' ny lainy avy, dia nitazana an' i Mosesy mandra-pahatongany ao amin' ny lay. **9** Ary raha niditra tao amin' ny lay Mosesy, dia nidina ny andri-rahona ka nijanona teo anoloan' ny varavaran' ny lay, ary Jehovah dia niresaka tamin' i Mosesy. **10** Ary hitan' ny olona rehetra ny andri-rahona nijanona teo anoloan' ny varavaran' ny lay; dia nitsangana ny olona rehetra, ka samy niankohoka teo anoloan' ny varavaran' ny lainy avy. **11** Ary Jehovah niteny nifanatrika tamin' i Mosesy, tahaka ny olona miresaka amin' ny sakaizany. Ary niverina nankeo amin' ny toby izy; fa ny mpanompony, dia Josoa zatovo, zanak' i Nona, tsy niala tamin' ny lay. **12** Ary hoy Mosesy tamin' i Jehovah: Indro fa Hianao milaza amiko hoe: Ento miakatra ity firenena ity, ary Hianao tsy mbola nampahafantatra ahy izay hirahinao hiaraka amiko; kanefa Hianao efa nilaza hoe: Mahalala anao tokoa Aho, ary efa nahita fitia eo imasoko koa ianao. **13** Koa ankehitriny, raha nahita fitia eo imasonao aho, dia ampahafantaro ny lalanao hahalalako Anao, mba hahitako fitia eo imasonao; ary hevero fa olonao ity firenena ity. **14** Dia hoy Izy: Ny Tavako no handeha, dia hanome anao fitsaharana Aho. **15** Fa hoy Mosesy taminy: Raha tsy handeha ny Tavanao, dia aza mitondra anay hiakatra hiala atỳ. **16** Fa inona anefa no hahafantarana fa nahita fitia eo imasonao izaho sy ny olonao? moa tsy amin' ny handehananao miaraka aminay va? dia ho voavaka amin' ny firenena rehetra ambonin' ny tany izahay, dia izaho sy ny olonao. **17** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Izao zavatra nolazainao izao dia hataoko koa; fa nahita fitia eo imasoko ianao, ary mahalala anao tokoa Aho. **18** Ary hoy Mosesy: Mba ampahitao ny voninahitrao aho. **19** Fa hoy kosa Jehovah: Izaho hampandalo ny fahatsarako rehetra eo anatrehanao ka hanonona ny anaran' i Jehovah eo anatrehanao; fa hiantra izay hiantrako Aho, ary hamindra fo amin' izay hamindrako fo. **20** Ary hoy koa Izy: Tsy mahazo mahita ny tavako ianao; fa tsy misy olona mahita Ahy ka ho velona. **21** Dia hoy Jehovah: Indro, misy fitoerana eto anilako; dia hijanona eo ambonin' ny harambato ianao; **22** koa raha mandalo ny voninahitro, dia hataoko eo an-tsefaky ny harambato ianao, ka hosaronako ny tanako ianao mandra-pandaloko. **23** Dia hanaisotra ny tanako Aho, ka hahita ny vohoko ianao; fa ny tavako tsy ho hita.

34 Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Manamboara ho anao vato fisaka roa tahaka ilay teo, dia hosoratako amin' ireo vato fisaka ireo ny teny izay tamin' ilay vato fisaka teo, izay novakivakinao; **2** ary aoka hivonona ianao mandra-pahamaraina; dia miakara raha maraina ho ao amin' ny tendrombohitra Sinay, ka mitsangana eo anatrehako ao an-tampon' ny tendrombohitra. **3** Ary aoka tsy hisy olona hiakatra afa-tsy ianao, ary aoka tsy hisy olona ho hita eny amin' ny tendrombohitra Sinay rehetra; ary ny ondry aman' osy koa sy ny omby dia aoka tsy hisy handrasana eny akaikin' izany tendrombohitra izany **4** Dia nanamboatra vato fisaka roa tahaka ilay teo Mosesy, ary nifoha maraina koa izy ka niakatra tao amin' ny tendrombohitra Sinay, araka izay nandidian' i Jehovah azy; ary nentiny teny an-tànany ny vato fisaka roa. **5** Ary Jehovah nidina tao anatin' ny rahona ka nijanona teo aminy, dia nanonona ny anaran' i Jehovah. **6** Ary Jehovah nandalo teo anatrehany ka niantso hoe: Jehovah, Jehovah, Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindram-po sy fahamarinana, **7** mitahiry famindram-po ho an' ny olona arivo mandimby, mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana, kanefa tsy mety manamarina ny meloka, fa mamaly ny heloky ny ray amin' ny zanaka sy ny zafy hatramin' ny zafiafy sy ny zafindohalika. **8** Ary Mosesy dia niondrika faingana tamin' ny tany ka niankohoka; **9** dia hoy izy: Tompo ô, raha mba mahita fitia eo imasonao aho, aoka Hianao, Tompo ô, handeha ao afovoanay (fa firenena mafy hatoka izy), ka mamelà ny helokay sy ny fahotanay ary raiso ho lovanao izahay. **10** Ary hoy Izy: Indro, manao fanekena Aho, ka eo anatrehan' ny olonao rehetra no hanaovako zava-mahagaga, izay tsy mbola nisy natao tany amin' ny tany rehetra sy tany amin' ny firenena rehetra; ary ny olona rehetra izay itoeranao dia hahita ny asan' i Jehovah, fa mahatahotra izay zavatra efa hataoko amin' ny fiombako anao. **11** Tandremo izay andidiako anao anio; indro, efa horoahiko hiala eo anatrehanao ny Amorita sy ny Kananita sy ny Hetita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita. **12** Koa mitandrema, fandrao hanao fanekena amin' ny mponina eo amin' ny tany izay halehanao ianao, ka ho fandrika eo afovoanao izany. **13** Fa ravao ny alitarany, ary torotoroy ny tsangam-baton-tsampiny, ary jinjao ny Aserahany. **14** Fa tsy hiankohoka eo anatrehan' izay andriamani-kafa ianao; fa Jehovah, dia saro-piaro no anarany, satria Andriamanitra saro-piaro Izy, **15** fandrao ianao hanao fanekena amin' ny mponina eo amin' ny tany, ka hijangajanga hanaraka ny andriamaniny sy hamono zavatra hatao fanatitra ho an' ny andriamaniny izy, ary

hasainy ianao ka hihinana amin' ny fanatiny; **16** ary andrao koa haka amin' ny zananivavy ho vadin' ny zanakao-lahy ianao, ary hijangajanga hanaraka ny andriamaniny ny zananivavy ka hampandeha ny zanakao-lahy hijangajanga hanaraka ny andriamaniny. **17** Aza manao andriamanitra an-idina ho anao. **18** Tandremo ny andro firavoravoana, dia ny andro fihinanana ny mofo tsy misy masirasira. Hafitoana no hihinananao ny mofo tsy misy masirasira, araka izay nandidiako anao, amin' ny fotoan' andro amin' ny volana Abiba, fa tamin' ny volana Abiba no nivoahanao avy tany Egypta. **19** Izay voalohan-teraka rehetra no Ahy, dia ny lahy amin' ny voalohan-teraky ny bibinao, na omby na ondry aman' osy; **20** fa ny voalohan-teraky ny boriky kosa dia hosoloanao zanak' ondry; ary raha tsy hanolo azy ianao, dia hofolahinao ny vozony; ary ny lahimatoa rehetra amin' ny zanakao dia havotanao. Ary aoka tsy hisy hiseho foana tsy mitondra fanatitra eo anatrehako. **21** Henemana no hiasanao, fa amin' ny andro fahafito dia hitsahatra ianao: na dia amin' ny taom-pamafazana sy amin' ny taom-pijinjana aza dia hitsahatra ihany ianao. **22** Ary tandremo ny andro firavoravoana manarakaraka ireo herinandro amin' ny fanaterana ny voaloham-bokatra, raha mijinja ny vary tritika, sy ny andro firavoravoana amin' ny fanangonana amin' ny fitsingerenan' ny taona. **23** Intelo isan-kerintaona ny lehilahy rehetra aminao no hiseho eo anatrehan' i Jehovah Tompo, Andriamanitry ny Isiraely. **24** Fa handroaka firenena eo alohanao Aho ka hanitatra ny fari-taninao; ary tsy hisy olona haniry ny taninao, raha miakatra hiseho eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao intelo isan-kerintaona ianao. **25** Aza manatitra ny ran' ny zavatra vonoina hatao fanatitra ho Ahy ianao, raha mbola misy masirasira ao aminao; ary aza avela ho tra-maraina ny zavatra vonoina hatao fanatitra ho Ahy amin' ny andro firavoravoana amin' ny Paska. **26** Ny santatra amin' ny voaloham-bokatry ny taninao dia haterinao ho ao an-tranon' i Jehovah Andriamanitrao. Aza mahandro zanak' osy amin' ny rononon-dreniny. **27** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Soraty ireo teny ireo, fa araka ireo teny ireo no nanaovako fanekena aminao sy amin' ny Isiraely. **28** Dia teo amin' i Jehovah efa-polo andro sy efa-polo alina izy sady, tsy nihinan-kanina na nisotro rano. Ary nosoratan' i Jehovah tamin' ny vato fisaka ny tenin' ny fanekena, dia ny Didy Folo. **29** Ary Mosesy nidina avy tao an-tendrombohitra Sinay, ary teny an-tànany ny vato roa izay nisy ny Vavolombelona tamin' izy nidina avy teo an-tendrombohitra, ary tsy fantany ho namirapiratra ny hoditry ny tavany noho ny nitenenany taminy. **30** Ary nony hitan' i Arona sy ny Zanak' Isiraely rehetra Mosesy, ka, indro, namirapiratra ny hoditry ny tavany, dia natahotra azy izy. **31** Ary Mosesy niantso azy, dia niverina Arona sy ny lohan' ny fiangonana rehetra ho eo aminy; ary Mosesy niteny taminy. **32** Ary rehefa afaka izany, dia nanakaiky koa ny Zanak' Isiraely rehetra; ary Mosesy nandidy azy araka izay rehetra nolazain' i Jehovah taminy tao amin' ny tendrombohitra Sinay. **33** Ary rehefa vita ny teny nataon' i Mosesy taminy, dia nasiany fisalobonana ny tavany. **34** Ary raha niditra teo anatrehan' i Jehovah Mosesy hiteny aminy, dia nanaisotra ny fisalobonana izy mandra-pivoakany. Dia nivoaka izy ka nilaza tamin' ny Zanak' Isiraely izay efa nandidiana azy. **35** Ary hitan' ny Zanak' Isiraely ny tavan' i Mosesy, fa, indro, namirapiratra ny hoditry ny tavany; dia nasaron' i Mosesy ny tavany indray ny fisalobonana mandra-pidiny hiteny aminy indray.

35 Ary Mosesy dia namory ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, ka nanao taminy hoe: Izao no teny nandidian' i Jehovah hatao: **2** Henemana no hanaovanao raharaha, fa ny andro fahafito ho masìna aminareo, dia tena andro fitsaharana ho an' i Jehovah; izay rehetra manao raharaha amin' izany dia hatao maty. **3** Aza mampirehitra afo amin' ny andro Sabata any amin' izay rehetra itoeranareo. **4** Ary Mosesy niteny tamin' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, ka nanao hoe: Izao no teny izay nandidian' i Jehovah: **5** Manalà ao aminareo fanatitra ho an' i Jehovah: izay rehetra amporisihin' ny fony dia aoka hitondra fanatitra ho an' i Jehovah: dia volamena sy volafotsy sy varahina, **6** ary manga sy volomparasy sy mena sy rongony fotsy madinika, ary volon' osy **7** sy hoditr' ondrilahy efa nomenaina sy hoditakasy ary hazo akasia, **8** sy diloilo hatao fanazavana sy zava-manitra ho amin' ny diloilo fanosorana sy ho ditin-kazo mani-pofona, **9** ary vato beryla sy vato halatsaka antranontranony ho amin' ny efoda sy ho amin' ny saron-tratra. **10** Ary aoka ny hendry rehetra eo aminareo ho avy ka hanao izay rehetra nandidian' i Jehovah: **11** dia ny tabernakely sy ny lainy sy ny firakony sy ny farangony, sy ny zanakazony sy ny barany sy ny andriny sy ny faladiany, **12** ary ny fiara sy ny baony sy ny rakotra fanaovam-panavotana sy ny efitra lamba fanakonana, **13** ary ny latabatra sy ny baony mbamin' ny fanaka rehetra momba azy, ary ny mofo aseho, **14** ary ny fanaovan-jiro ho fanazavana mbamin' ny fanaka momba azy ary ny lela fanaovan-jirony sy ny diloilo hatao fanazavana, **15** ary ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra sy ny baony, ary ny diloilo fanosorana sy ny ditin-kazo mani-pofona, ary ny varavarana lamba ho eo amin' ny varavaran' ny tabernakely, **16** ary ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana sy ny harato varahina ho eo aminy sy ny baony ary ny fanaka rehetra momba azy, ary ny tavy sy ny faladiany, **17** ary ny fefy lamba ho amin' ny kianja sy ny tsangantsangany sy ny faladiany sy ny vavahady lamba ho eo amin' ny vavahadin' ny kianja, **18** ary ny tsimatry ny tabernakely sy ny tsimatry ny kianja sy ny kofehiny, **19** ary ny fitafiana makarakara ho entiny manao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna sy ny fitafiana masìna ho an' i Arona mpisorona ary ny fitafian' ny zanany ho entiny misorona. **20** Dia niala teo anatrehan' i Mosesy ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra. **21** Ary samy nanatona izy, dia izay rehetra nampahazotoin' ny fony, ary izay rehetra namporisihin' ny fanahiny, ka nitondra ny fanatitra ho an' i Jehovah hanaovana ny trano-lay fihaonana sy ny fanompoana rehetra momba azy ary ny fitafiana masìna. **22** Dia nanatona ny lehilahy mbamin' ny vehivavy rehetra izay namporisihin' ny fony, ka nitondra fisisika sy kavina sy peratra sy voa volamena, dia izay firavaka volamena samy hafa rehetra, dia ny olona

rehetra izay efa nanatitra volamena ho fanatitra ho an' i Jehovah. **23** Ary ny olona rehetra izay nanana manga sy volomparasy sy mena sy rongony fotsy madinika sy volon' osy sy hoditr' ondrilahy efa nomenaina ary hodi-takasy dia nitondra azy. **24** Izay rehetra nanatitra fanatitra volafotsy sy varahina dia nitondra ny fanatitra ho an' i Jehovah; ary izay rehetra nanana hazo akasia hanaovana zavatra ho amin' ny fanompoana dia nitondra azy. **25** Ary ny vehivavy rehetra izay hendry dia namoly tamin' ny tànany ka nitondra izay nofolesiny, dia ny manga sy volomparasy sy mena ary ny rongony fotsy madinika. **26** Ary ny vehivavy rehetra izay nampahazotoin' ny fony tamin' ny fahendrena dia namoly ny volon' osy. **27** Ary ny loholona nitondra ny vato beryla sy ny vato halatsaka an-tranontranony ho amin' ny efoda sy ho amin' ny saron-tratra, **28** ary ny zava-manitra sy ny diloilo hatao fanazavana sy ho amin' ny diloilo fanosorana ary ho amin' ny ditin-kazo mani-pofona. **29** Ary ny Zanak' Isiraely nitondra fanatitra sitra-po ho an' i Jehovah: dia ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra izay namporisihin' ny fony hitondra izay hanaovana ny zavatra rehetra nandidian' i Jehovah an' i Mosesy hatao. **30** Ary hoy Mosesy tamin' ny Zanak' Isiraely: Indro, efa notononin' i Jehovah anarana Bezalila, zanak' i Ory, zanak' i Hora, avy amin' ny firenen' i Joda, **31** ka efa nofenoiny fanahin' Andriamanitra, dia fahendrena sy fahiratan-tsaina sy fahalalana ny amin' ny tao-zavatra samy hafa, **32** dia ny hamoron-tsaina hanao asa kanto, sy ny hiasa volamena sy volafotsy ary varahina, **33** ary ny hamboatra vato halatsaka an-tranontranony sy ny handrafitra hazo, hanaovana izay asa kanto samy hafa rehetra. **34** Ary ny fahaizana hampianatra koa dia efa nataon' Andriamanitra tao am-pony, dia izy sy Oholiaba, zanak' i Ahisamaka avy amin' ny firenen' i Dana. **35** Ary efa nofenoiny fahendrena izy roa lahy, hanaovany ny tao-zavatra samy hafa, dia ny an' ny mpiasa tefy sy rafitra ary ny an' ny mpanenona mahay tenona samy hafa soratra, dia amin' ny manga sy volomparasy sy mena ary amin' ny rongony fotsy madinika ary ny an' ny mpanenona, dia ny ho mpanao ny asa samy hafa sy ho mpamorona asa kanto.

36 Dia hiasa Bezalila sy Oholiaba ary ny olona hendry rehetra, izay nomen' i Jehovah fahendrena sy fahiratan-tsaina, hahaizany hanao ny asa rehetra ho amin' ny fanompoana ao amin' ny fitoerana masìna, araka izay rehetra nandidian' i Jehovah. **2** Ary Mosesy dia nampaka an' i Bezalila sy Oholiaba ary ny olona hendry rehetra, izay nasian' i Jehovah fahendrena tao am-pony, dia izay rehetra nampahazotoin' ny fony hankeo amin' ny asa hanao azy. **3** Ary izy ireo dia nandray tamin' i Mosesy ny fanatitra rehetra izay efa nentin' ny Zanak' Isiraely hanaovana ny asa amin' ny fanompoana ao amin' ny fitoerana masìna. Ary ny olona mbola nitondra fanatitra sitra-po isa-maraina ihany ho eo amin' i Mosesy. **4** Dia nanatona ny olon-kendry rehetra, izay nanao ny asa rehetra amin' ny fitoerana masìna, samy niala tamin' ny asany izay nataony avy, **5** ka niteny tamin' i Mosesy hoe: Ny olona mitondra mihoatra lavitra noho izay hahavita ny fanompoana amin' ny asa nandidian' i Jehovah hatao. **6** Dia nandidy Mosesy ka nandefa teny eran' ny toby rehetra nanao hoe: Aza misy manao zavatra intsony hatao fanatitra ho amin' ny fitoerana masìna ianareo, na lahy na vavy. Dia izany no nampitsaharana ny olona tsy hanatitra intsony; **7** fa ny zavatra efa nateriny dia ampy anaovana ny asa rehetra ka nanana amby aza. **8** Ary ny hendry rehetra teo amin' izay nanao ny raharaha dia nanao ny tabernakely: dia ambainy folo amin' ny rongony fotsy madinika voahasina sy manga sy volomparasy ary mena; kerobima, asan' ny mpanenona mahay, no nataony sorany. **9** Ny halavan' ny ambainy iray dia valo amby roa-polo hakiho; ary ny lambanan' ny ambainy iray dia efatra hakiho: nitovy ohatra ny ambainy rehetra. **10** Ambainy dimy navitrany ho iray; ary ambainy dimy koa navitrany ho iray. **11** Ary nanao tadivavarana manga teo an-tsisin' ny ambainy iray izy, dia teo an-tsisin' ny anankiray efa voavitrana; ary nanao toy izany koa tamin' ny ambainy farany izy, dia teo an-tsisin' ny anankiray efa voavitrana koa. **12** Tadivavarana dimam-polo no nataony teo amin' ny ambainy iray, ary tadivavarana dimam-polo koa no nataony teo amin' ny sisin' ny ambainy izay amin' ny anankiray efa voavitrana koa; ary nifandray ny tadivavarana. **13** Ary nanao farango volamena dimam-polo izy, ka nakambany tamin' ny farango ny ambainy, dia voakambana ho iray ny tabernakely. **14** Ary nanao ambainy koa tamin' ny volon' osy izy ho lay handrakofana ny tabernakely; dia iraika ambin' ny folo ambainy no nanaovany azy. **15** Ny halavan' ny ambainy iray dia telo-polo hakiho, ary ny lambanan' ny ambainy iray dia efatra hakiho; nitovy ohatra ny ambainy iraika ambin' ny folo. **16** Ary navitrany ny ambainy dimy hikambana, ary ny ambainy enina kosa hikambana. **17** Ary nanao tadivavarana dimam-polo ho eo an-tsisin' ny ambainy iray izay farany amin' ny efa voa vitrana izy; ary tadivavarana dimam-polo koa ho eo an-tsisin' ny ambainy iray amin' ny anankiray koa efa voavitrana. **18** Ary nanao farango varahina dimam-polo izy hampikambana ny lay ho iray. **19** Ary nanao rakotry ny lay tamin' ny hoditr' ondrilahy efa nomenaina izy sy sarona hodi-takasy ho eo amboniny. **20** Ary nanao ny zana-kazo akasia ho amin' ny tabernakely izy. **21** Folo hakiho ny hahavon' ny zana-kazo iray, ary iray hakiho sy sasany ny indraben' ny zana-kazo iray. **22** Ary lahiny roa no amin' ny zana-kazo iray, ka nasiany izay hikambanany; izany no nanaovany ny zana-kazo rehetra tamin' ny tabernakely. **23** Ary nanao ny zana-kazo ho amin' ny tabernakely izy, dia zana-kazo roa-polo ho eo amin' ny lafiny atsimo. **24** Ary nanao faladia volafotsy efa-polo izy ho ambanin' ny zana-kazo roa-polo, dia faladia roa avy ho ambanin' ny isan-janakazo hiorenan' ny lahiny roa. **25** Ary nanao zana-kazo roa-polo ho eo amin' ny lafiny faharoa amin' ny tabernakely izy, dia ny lafiny avaratra. **26** Ary nanao faladiany volafotsy efa-polo, izy dia faladia roa avy ho ambanin' ny isan-janakazo. **27** Ary nanao zana-kazo enina ho eo amin' ny lafin' ny tabernakely andrefana izy, izay eo ivohony. **28** Ary nanao zana-kazo roa ho eo amin' ny zoron' ny tabernakely tamin' ny lafiny ivoho izy. **29** Ary nakambana ho iray izy hatramin' ny ambany ka hatramin' ny ambony, ka nasiana vava vola iray ihany; nataony toy izany avokoa izy roa ho eo amin' ny zorony roa. **30** Ary

nisy zana-kazo valo sy ny faladiany volafotsy; dia faladia enina ambin' ny folo: faladia roa avy ho ambanin' ny isan-janakazo iray. **31** Ary hazo akasia no nataony barany: dia dimy ho amin' ny zana-kazo amin' ny lafiny iray amin' ny tabernakely, **32** sy barany dimy ho amin' ny zana-kazo amin' ny lafiny iray koa amin' ny tabernakely, ary barany dimy ho amin' ny zana-kazo amin' ny lafiny andrefana izay ao ivohony. **33** Ary nanao ny barany afovoany izy, ho afovoan' ny zana-kazo ka hahatratra ny farany roa. **34** Ary ny zana-kazo nopetahany takela-bolamena, ary nataony volamena koa ny vava vola aminy, izay hitoeran' ny barany: ary nopetahany takela-bolamena koa ny barany. **35** Ary ny efitra lamba dia nataony manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina, ary kerobima, asan' ny mpanenona mahay, no nataony sorany. **36** Ary nanao andry efatra tamin' ny hazo akasia izy hihantonan' izany, ary nopetahany takela-bolamena ireo, sady nataony volamena koa ny fihantonany; ary nandrendrika faladia volafotsy efatra izy' hiorenany. **37** Ary nanao varavarana lamba ho eo amin' ny varavaran' ny lay izy, dia tamin' ny manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina, asan' ny mahay tenona samy hafa soratra. **38** Ary ny andriny dimy sy ny fihantonany dia nataony koa, ary nopetahany takela-bolamena ny lohany sy ny anjaka hitohizany; ary ny faladiany dimy dia nataony varahina.

37 Ary Bezalila nanao ny fiara tamin' ny hazo akasia: roa hakiho sy sasany ny lavany, ary iray hakiho sy sasany ny sakany, ary iray hakiho sy sasany ny hahavony; **2** ary nopetahany takela-bolamena tsara tao anatiny sy teo ivelany; ary nasiany koronosy volamena manodidina. **3** Ary nandrendrika vava volamena efatra hatao aminy izy, ka nataony teo amin' ny tongony efatra: dia vava vola roa teo amin' ny lafiny iray, ary vava vola roa teo amin' ny lafiny iray koa. **4** Ary nanao bao tamin' ny hazo akasia izy, ka nopetahany takela-bolamena. **5** Ary nampidiriny ny bao ho eo amin' ny vava vola, izay eo amin' ny lafin' ny fiara, hilanjana azy. **6** Ary nanao rakotra fanaovam-panavotana tamin' ny volamena tsara izy: roa hakiho sy sasany ny lavany, ary iray hakiho sy sasany ny sakany. **7** Ary nanao kerobima volamena roa izy; voasana no nanaovany azy roa miray amin' ny lohany roa amin' ny rakotra fanaovam-panavotana: **8** dia ny kerobima iray nataony teo amin' ny sakany anankiray, ary ny kerobima iray kosa teo amin' ny sakany anankiray: indray mivofy tamin' ny rakotra fanaovam-panavotana no nanaovany ny kerobima roa, dia teo amin' ny sakany roa. **9** Ary ny elatry ny kerobima nivelatra teo ambony, ka nalofan' ny elany ny rakotra fanaovam-panavotana; ary ny tavany nifanatrika, sady nanatrika ny rakotra fanaovam-panavotana koa izy. **10** Ary nanao ny latabatra tamin' ny hazo akasia izy: roa hakiho ny lavany, ary iray hakiho ny sakany, ary iray hakiho sy sasany ny hahavony. **11** Ary nopetahany takela-bolamena tsara izy, sady nasiany koronosy volamena manodidina azy. **12** Ary nasiany sisiny vodivoam-pelatanana manodidina azy, ary nasiany koronosy volamena ny sisiny manodidina. **13** Ary nandrendrika vava volamena efatra hatao aminy izy, ka nataony teo amin' ny zorony efatra, izay eo amin' ny tongony efatra, ireo: **14** eo akaikin' ny sisiny no nisian' ny vava vola ho fitoeran' ny bao hilanjana ny latabatra. **15** Ary nanao ny bao tamin' ny hazo akasia izy, hilanjana ny latabatra, ka nopetahany takela-bolamena. **16** Ary nanao ny fanaka izay eo ambonin' ny latabatra izy, dia ny lovia ny sy ny lovia keliny ary ny kapoakany sy ny fitoeran-divainy ho fanidinam-panatitra; volamena tsara no nanaovany ireo. **17** Ary nanao ny fanaovan-jiro tamin' ny volamena tsara izy; voasana no nanaovany ny fanaovan-jiro; nataony indray mivofy taminy avokoa ny faladiany sy ny tahony sy ny vodi-voniny sy ny kiboriny ary ny voniny. **18** Ary nisy sampany enina tamin' ny ankilany roa, dia sampany telo tamin' ny fanaovan-jiro amin' ny ankilany iray, ary sampany telo tamin' ny fanaovan-jiro amin' ny ankilany iray koa; **19** teo amin' ny sampany anankiray nisy vodi-voniny telo natao tahaka ny vonin' ny amygdala, mbamin' ny kiboriny sy ny voniny; ary teo amin' ny sampany anankiray koa nisy vodi-voniny telo natao tahaka ny vonin' ny amygdala, mbamin' ny kiboriny sy ny voniny; dia toy izany avokoa tamin' ny sampany enina tamin' ny fanaovan-jiro. **20** Ary teo amin' ny fanaovan-jiro dia nisy vodi-voniny efatra natao tahaka ny vonin' ny amygdala, mbamin' ny kiboriny sy ny voniny, **21** dia kiboriny iray eo ambanin' ny sampany roa sady miray aminy, ary kiboriny iray eo ambanin' ny sampany roa sady miray aminy, ary kiboriny iray eo ambanin' ny sampany roa koa sady miray aminy; dia amin' ny sampany enina izay miray amin' ny fanaovan-jiro. **22** Ny kiboriny sy ny sampany dia niray taminy avokoa; natao indray mivofy tamin' ny volamena tsara izy rehetra. **23** Ary nanao ny lela fanaovan-jirony fito sy ny hetin-jirony sy ny fitoeran-davenon-jirony tamin' ny volamena tsara izy. **24** Volamena tsara talenta iray no nanaovany azy mbamin' ny fanaka rehetra momba azy. **25** Ary nanao ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra tamin' ny hazo akasia izy: iray hakiho avy ny lafiny efatra, dia efa-joro tsy mivadi-mandry izy; ary roa hakiho ny hahavony; ary nataony miray aminy ny tandrony. **26** Ary nopetahany takela-bolamena tsara izy, dia ny tampony sy ny lafiny manodidina ary ny tandrony; ary nasiany koronosy volamena manodidina. **27** Ary nasiany vava volamena roa izy teo ambanin' ny koronosiny, ka nataony teo amin' ny zorony efatra ireo ho fitoeran' ny bao hilanjana azy. **28** Ary hazo akasia no nanaovany ny bao, ka nopetahany takela-bolamena. **29** Ary nanao ny diloilo fanosorana masìna izy, sy ny zava-manitra manetona madio, asan' ny mpangaroharo zava-manitra.

38 Ary nanao ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana tamin' ny hazo akasia izy: dimy hakiho avy ny lafiny efatra, dia efa-joro tsy mivadi-mandry izy; ary telo hakiho ny hahavony. **2** Ary nanao ny tandrony teo amin' ny zorony efatra izy, ka nataony miray aminy, ary nopetahany takela-barahina ireo. **3** Ary nanao ny fanaka rehetra momba ny alitara izy, dia ny vilaniny fandraofan-davenona sy ny sotron' afony sy ny loviany famafazana sy ny fitrebiny ary ny fitondran' afony; nataony varahina avokoa ny fanaka rehetra momba azy. **4** Ary nanao makarakara varahina

tahaka ny harato ho eo amin' ny alitara izy, dia eo ambanin' ny sikiny, hatreo am-bodin' ny alitara ka hatreo amin' ny fisasahany. **5** Ary nandrendrika vava vola efatra hatao eo an-jorony efatra amin' ny makarakara varahina izy ho fitoeran' ny bao. **6** Ary nanao ny bao tamin' ny hazo akasia izy, ka nopetahany takela-barahina. **7** Ary nampiditra ny bao teo amin' ny vava vola teo amin' ny lafiny roa amin' ny alitara izy hilanjana azy. Ary hazo fisaka no narafiny ho alitara, ka nataony hobokaty. **8** Ary ny tavy varahina sy ny faladiany varahina dia nataony tamin' ny fitaratra varahin' ny vehivavy izay nanompo teo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana. **9** Ary nanao ny kianja izy: tamin' ny lafiny atsimo nisy fefy lamba zato hakiho ho amin' ny kianja natao tamin' ny rongony fotsy madinika voahasina; **10** ary roa-polo ny tsangantsangany, ary roa-polo ny faladiany varahina; ary volafotsy ny fihantonany amin' ny tsangantsangany sy ny anjaka hitohizany. **11** Ary tamin' ny lafiny avaratra koa nisy zato hakiho sy ny tsangantsangany roa-polo ary ny faladiany varahina roa-polo; volafotsy ny fihantonany amin' ny tsangantsangany sy ny anjaka hitohizany. **12** Ary tamin' ny lafiny andrefana nisy fefy lamba dimam-polo hakiho; folo ny tsangantsangany ary folo ny faladiany; ary volafotsy ny fihantonana amin' ny tsangantsangany sy ny anjaka hitohizany. **13** Ary ny lafiny atsinanana nataony dimam-polo hakiho. **14** Ary nisy fefy lamba dimy ambin' ny folo hakiho tamin' ny ilany iray; telo ny tsangantsangany, ary telo ny faladiany. **15** Ary nisy fefy lamba dimy ambin' ny folo hakiho tamin' ny ilany iray koa; telo ny tsangantsangany, ary telo ny faladiany; **16** Ary nataony rongony fotsy madinika voahasina avokoa ny fefy lamban' ny kianja manodidina. **17** Ary ny faladian' ny tsangantsangany dia nataony varahina; ary ny fihantonana amin' ny tsangantsangany sy ny anjaka hitohizany nataony volafotsy; ary ny lohany dia nopetahany takela-bolafotsy; ary ny tsangantsangany rehetra tamin' ny kianja dia samy nisy anjaka volafotsy hitohizany avokoa. **18** Ary ny vavahady lamba eo am-bavahadin' ny kianja dia asan' ny mahay tenona samy hafa soratra tamin' ny manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina; roa-polo hakiho ny halavany; ary ny hahavony nitovy tamin' ny lambanan-damba, dia dimy hakiho, araka ny hahavon' ny fefy lamban' ny kianja. **19** Ary efatra ny tsangantsangany, ary efatra ny faladiany varahina; ary ny fihantonany dia volafotsy; ary ny takela-bola tamin' ny lohany sy ny anjaka hitohizany dia volafotsy koa. **20** Ary ny tsimatra amin' ny tabernakely sy amin' ny kianja manodidina dia nataony varahina avokoa. **21** Ary izao no isan' ny zavatra nomba ny tabernakely, dia ny tabernakelin' ny Vavolombelona, izay nisaina araka ny didin' i Mosesy; natao fanompoan' ny Levita, fehin' Itamara, zanak' i Arona mpisorona, ny nanisa azy. **22** Ary Bezalila, zanak' i Ory, zanak' i Hora, avy amin' ny firenen' i Joda, nanao izay rehetra nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **23** Ary ny namany dia Oholiaba, zanak' i Ahisamaka, avy amin' ny firenen' i Dana, mpiasa tefy sy rafitra ary mpanenona mahay sady nahay tenona samy hafa soratra tamin' ny manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika. **24** Talenta sivy amby roa-polo, ary sekely telo-polo amby fiton-jato, araka ny sekely masìna, ny volamena rehetra izay lany tamin' ny asa rehetra tamin' ny fitoerana masìna, dia ny volamena izay natao fanatitra ahevaheva. **25** Ary ny volafotsy avy tamin' ny olona izay voaisa tamin' ny fiangonana dia talenta zato sy sekely dimy amby fito-polo amby fiton-jato amby arivo, araka ny sekely masìna: **26** beka iray isan-olona, dia antsasaky ny sekely araka ny sekely masìna, no naloan' izay rehetra voalamina, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia olona dimam-polo amby diman-jato amby telo arivo sy enina hetsy. **27** Ary ny volafotsy talenta zato dia narendrika nanaovana ny faladian' ny fitoerana masìna sy ny faladian' ny efitra lamba: dia faladia zato tamin' ny talenta volafotsy zato, talenta iray ny faladiany iray. **28** Ary tamin' ny sekely dimy amby fito-polo amby fiton-jato sy arivo no nanaovany ny fihantonana tamin' ny andry, sy nametahana takela-bola tamin' ny lohany, ary nanaovany ny anjaka hitohizany. **29** Ary ny varahina izay natao fanatitra ahevaheva dia talenta fito-polo sy sekely efa-jato amby roa arivo. **30** Ary izany no nanaovany ny faladiany ho amin' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, sy ny alitara varahina sy ny makarakara varahina izay teo aminy ary ny fanaka rehetra momba ny alitara, **31** ary ny faladia tamin' ny kianja manodidina sy ny faladia tamin' ny vavahadin' ny kianja, sy ny tsimatra rehetra tamin' ny tabernakely ary ny tsimatra rehetra tamin' ny kianja manodidina.

39 Ary tamin' ny manga sy ny volomparasy ary ny mena no nanaovany ny fitafiana makarakara, hanaovana fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna, ary nanao ny fitafiana masìna ho an' i Arona izy, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **2** Ary nanao ny efoda tamin' ny volamena sy manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina izy. **3** Ary namisaka ny volamena ho takelaka manify izy, dia nandidididy azy ho kofehy volamena, hahasiny amin' ny manga sy ny volomparasy sy ny mena ary ny rongony fotsy madinika, dia asan' ny mpanenona mahay. **4** Ary nataony nisy soroka roa avy amin' ny sisiny roa hampikambanana azy. **5** Ary ny fehin-kibo momba ny efoda, izay teo amboniny, dia niray taminy sady nitovy tarehy taminy, ka nataony volamena sy manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **6** Ary ny vato beryla nasiany randram-bolamena manodidina, ary dia nosoratany, tahaka ny fanoratana fanombohan-kase, araka ny anaran' ny firenen' ny Zanak' Isiraely. **7** Ary nataony teo amin' ny soroky ny efoda ny vato, ho vato fahatsiarovana ho an' ny Zanak' Isiraely, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **8** Ary nanao ny saron-tratra tamin' ny asan' ny mpanenona mahay izy, tahaka ny nanaovana ny efoda, dia volamena sy manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina. **9** Ary efa-joro miforitra roa no nanaovany ny saron-tratra, ary irain-jehy avy ny lafiny efatra, sady niforitra roa izy. **10** Ary nasiany vato nalatsaka an-tranontranony izy, dia vato efatra an-dalana: ny an-dalana voalohany dia karnelia sy topaza ary emeralda; **11** ary ny an-dalana

faharoa dia robina sy safira ary onyksa; **12** ary ny andalana fahatelo dia opala sy agata ary ametysta; **13** ary ny an-dalana fahefatra dia krysolita sy beryla ary jaspy; ary nasiany randram-bolamena manodidina ny fitoerany avy. **14** Ary ny vato dia nalahatra araka ny anaran' ny firenen' ny Zanak' Isiraely, dia roa ambin' ny folo araka ny anarany; ary nisy soratra toy ny amin' ny fanombohan-kase ho an' ny firenena roa ambin' ny folo araka ny anarany avy. **15** Ary nanao olam-bolamena tsara mifanolana toy ny tady ho eo amin' ny saron-tratra izy. **16** Ary nanao randram-bolamena roa sy vava volamena roa izy; ary ny vava vola dia nataony teo amin' ny zorony roa ambony amin' ny saron-tratra. **17** Ary ny tady volamena roa dia nataony teo amin' ny vava vola roa izay amin' ny zorony roa ambany amin' ny saron-tratra. **18** Ary ny lanin' ny tady roa dia nataony teo amin' ny randram-bolamena roa, dia nataony teo amin' ny soroky ny efoda anoloana. **19** Ary nanao vava volamena roa izy ka nataony teo amin' ny zorony roa ambany amin' ny saron-tratra, dia amin' ny sisiny anatiny izay manolotra ny efoda. **20** Ary nanao vava volamena roa koa izy ka nataony teo amin' ny soroka roa amin' ny efoda, dia ao ambaniny, eo anoloany, akaikin' ny fikambanany, eo ambonin' ny fehin-kibo momba ny efoda. **21** Ary kofehy manga no namehezany ny vava volan' ny saron-tratra tamin' ny vava volan' ny efoda, mba ho eo ambonin' ny fehin-kibo momba ny efoda ny saron-tratra ka tsy ho afaka eo, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **22** Ary nanao ny akanjo ivelany misy ny efoda, asan' ny mpanenona, izy, ka nataony manga avokoa. **23** Ary ny vozon' ny akanjo ivelany dia teo afovoany tahaka ny vozon' ny akanjo fiarovan-tratra, ary nisy sisiny manodidina ny vozony mba tsy hahatriatra azy. **24** Ary teo amin' ny moron-tongotry ny akanjo ivelany dia nasiany sarin' ampongabendanitra manga sy volomparasy sy mena voahasina; **25** ary nanao famohamandry volamena tsara izy, ary ny famohamandry dia nataony teo anelanelan' ny ampongabendanitra tamin' ny moron-tongotry ny akanjo ivelany manodidina (dia teo anelanelan' ny ampongabendanitra): **26** dia famohamandry sy sarin' ampongabendanitra mifanelanelana manodidina eo amin' ny moron-tongotry ny akanjo ivelany, ho entiny manao ny fanompoam-pivavahana, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **27** Ary ny akanjo lava nataony rongony fotsy madinika, asan' ny mpanenona, ho an' i Arona sy ny zanany. **28** Ary ny hamama dia nataony rongony fotsy madinika, ary ny satroka tsara tarehy nataony rongony fotsy madinika; ary ny kalisaona fohy dia nataony rongony fotsy madinika voahasina. **29** Ary ny fehin-kibo nataony rongony fotsy madinika voahasina sy manga sy volomparasy ary mena, asan' ny mahay tenona samy hafa soratra, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **30** Ary ny takelaka ho eo amin' ny diadema masìna dia nataony volamena tsara, ary nasiany soratra, araka ny fanoratana amin' ny fanombohan-kase, hoe: HAMASININA HO AN' I JEHOVAH. **31** Ary nasiany kofehy manga hamehezany azy amin' ny hamama eo ambony, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **32** Ary vita ny asa rehetra tamin' ny tabernakelin' ny trano-lay fihaonana; fa ny Zanak' Isiraely efa nanao araka izay rehetra nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **33** Dia nentiny teo amin' i Mosesy ny tabernakely; dia ny lay sy ny fanaka rehetra nomba azy, ary ny farangony sy ny zana-kazony ary ny barany sy ny andriny ary ny faladiany, **34** ary ny firakotra hoditr' ondrilahy efa nomenaina sy ny sarona hodi-takasy, ary ny efitra lamba fanakonana, **35** ary ny fiaran' ny Vavolombelona sy ny baony ary ny rakotra fanaovam-panavotana, **36** ary ny latabatra sy ny fanaka rehetra momba azy ary ny mofo aseho, **37** ary ny fanaovan-jiro tsara sy ny lela fanaovan-jirony, dia ny lela fanaovan-jiro halahatra, sy ny fanaka rehetra momba azy ary ny diloilo hatao fanazavana, **38** ary ny alitara volamena sy ny diloilo fanosorana sy ny ditin-kazo mani-pofona ary ny varavarana lamba ho eo amin' ny varavaran' ny trano-lay, **39** ary ny alitara varahina sy ny makarakara varahina ho eo aminy ary ny baony sy ny fanaka rehetra momba azy, ary ny tavy sy ny faladiany, **40** ary ny fefy lamban' ny kianja sy ny tsangantsangany sy ny faladiany ary ny vavahady lamba eo amin' ny vavahadin' ny kianja ary ny kofehiny sy ny tsimatra, ary ny fiasana rehetra momba ny tabernakelin' ny trano-lay fihaonana, **41** ary ny fitafiana makarakara ho enti-manao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna ho an' i Arona mpisorona sy ny fitafian' ny zanany ho entiny manao fisoronana. **42** Araka izay rehetra efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy, dia toy izany no nanaovan' ny Zanak' Isiraely ny asa rehetra. **43** Ary nizaha ny asa rehetra Mosesy, ka, indro, efa nataony araka izay nandidian' i Jehovah; dia nisaotra azy Mosesy.

40 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Amin' ny andro voalohany amin' ny volana voalohany dia atsangano ny tabernakelin' ny trano-lay fihaonana. **3** Ary ataovy ao ny fiaran' ny Vavolombelona; dia ahantòny ny efitra lamba hanakona ny fiara. **4** Ary ampidiro ny latabatra, ka alaharo izay halahatra eo amboniny; ary ampidiro ny fanaovan-jiro, ka ampireheto ny jiro. **5** Ary ny alitara volamena fandoroana ditin-kazo manitra dia ataovy eo anoloan' ny fiaran' ny Vavolombelona, ary ny varavarana lamba dia ataovy eo amin' ny varavaran' ny tabernakely. **6** Ary ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana dia apetraho eo anoloan' ny tabernakelin' ny trano-lay fihaonana. **7** Ary ny tavy dia apetraho eo anelanelan' ny trano-lay fihaonana sy ny alitara, ka asio rano eo anatiny. **8** Ary amboary ny kianja manodidina, ka ahantòny ny vavahady lamba eo amin' ny vavahadin' ny kianja. **9** Ary alao ny diloilo fanosorana, ka hosory ny tabernakely sy izay rehetra ao, dia hamasino izy mbamin' ny fanaka rehetra momba azy, ka dia ho masìna izy. **10** Ary hosory ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana sy ny fanaka rehetra momba azy; ary hamasino ny alitara, dia ho masìna indrindra izy. **11** Ary hosory ny tavy sy ny faladiany, ka hamasino izy. **12** Ary ento Arona sy ny zanany hankeo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, ka ampandroy amin' ny rano izy. **13** Ary ampiakanjoy an' i Arona ny fitafiana masìna, dia hosory sy hamasino izy, mba ho mpisorona ho Ahy. **14** Ary ento ny zanany, ka ampiakanjoy azy ny akanjo lava. **15**

Ary hosory izy, tahaka ny nanosoranao ny rainy, mba ho mpisorona ho Ahy; ary ny fanosorana azy dia ho fisoronana mandrakizay ho azy hatramin' ny taranany fara mandimby. **16** Dia nataon' i Mosesy izany: araka izay rehetra efa nandidian' i Jehovah azy no nataony. **17** Ary tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana voalohany tamin' ny taona faharoa no nananganana ny tabernakely. **18** Ary Mosesy nanangana ny tabernakely, dia nametraka ny faladiany sy nanangana ny zana-kazony, ary nampiditra ny barany sy nanangana ny andriny. **19** Ary namelatra ny lay teo ambonin' ny tabernakely izy, ary ny firakotry ny lay nataony teo amboniny, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **20** Dia nalainy ny Vavolombelona ka napetrany tao anatin' ny fiara, ary ny bao dia nataony teo amin' ny fiara, ary ny rakotra fanaovam-panavotana dia napetrany teo ambonin' ny fiara. **21** Ary ny fiara dia nampidiriny tao amin' ny tabernakely, ka nahantony ny efitra lamba fanakonana hanakona ny fiaran' ny Vavolombelona, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **22** Ary ny latabatra dia napetrany teo amin' ny trano-lay fihaonana, dia teo amin' ny lafin' ny tabernakely avaratra, teo ivelan' ny efitra lamba. **23** Ary nandahatra mofo teo amboniny teo anatrehan' i Jehovah izy, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **24** Ary ny fanaovan-jiro dia napetrany teo amin' ny trano-lay fihaonana, tandrifin' ny latabatra, teo amin' ny lafin' ny tabernakely atsimo. **25** Ary nampirehitra ny jiro teo anatrehan' i Jehovah izy, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **26** Ary ny alitara volamena dia nataony teo amin' ny trano-lay fihaonana, teo anoloan' ny efitra lamba; **27** ary nandoro ditin-kazo mani-pofona teo izy, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **28** Ary ny varavarana lamba dia nataony teo amin' ny varavaran' ny tabernakely; **29** ary ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana dia napetrany teo anoloan' ny varavaran' ny tabernakelin' ny trano-lay fihaonana; ary nateriny teo amboniny ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hohanina, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **30** Ary ny tavy dia nataony teo anelanelan' ny trano-lay fihaonana sy ny alitara, ka nasiany rano teo anatiny hanasana. **31** Ary teo no nanasan' i Mosesy sy Arona ary ny zanany ny tongony aman-tànany. **32** Raha niditra tao amin' ny trano-lay fihaonana izy, ary raha nanakaiky ny alitara, dia nisasa izy, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **33** Ary natsangany koa ny kianja manodidina ny tabernakely sy ny alitara; ary ny vavahady lamba dia nataony teo amin' ny vavahadin' ny kianja. Dia vitan' i Mosesy ny asa rehetra. **34** Ary ny rahona nanarona ny trano-lay fihaonana, ary ny voninahitr' i Jehovah nameno ny tabernakely. **35** Ary Mosesy tsy nahazo niditra tao amin' ny trano-lay fihaonana, satria ny rahona nitoetra teo amboniny, ary ny voninahitr' i Jehovah nameno ny tabernakely. **36** Ary raha niakatra niala tamin' ny tabernakely ny rahona, dia nifindra ny Zanak' Isiraely tamin' ny nandehanany rehetra; **37** fa raha tsy niakatra ny rahona, dia tsy nifindra izy, mandra-pihavin' izay andro hiakarany. **38** Fa ny rahon' i Jehovah dia teo ambonin' ny tabernakely nony andro, ary nisy afo teo aminy nony alina, teo imason' ny taranak' Isiraely rehetra, tamin' ny nandehanany rehetra.

Levitikosy

1 Ary Jehovah niantso an' i Mosesy ka niteny taminy tao
amin' ny trano-lay fihaonana hoe: **2** Mitenena amin'
ny Zanak' Isiraely hoe: Raha misy aminareo manatitra
biby fiompy ho fanatitra ho an' i Jehovah, dia omby na
ondry na osy no haterinareo ho fanatitrareo. **3** Raha
omby no ateriny ho fanatitra dorana, dia lahy tsy misy
kilema no hateriny; eo anoloan' ny varavaran' ny trano-
lay fihaonana no hanaterany azy, mba hankasitrahana eo
anatrehan' i Jehovah izy. **4** Ary hametraka ny tànany eo
amin' ny lohan' ny fanatitra dorana izy, dia hahazoany
fankasitrahana izany, hanaovana fanavotana ho azy. **5**
Dia hamono ny zanak' omby eo anatrehan' i Jehovah izy;
ary ireo mpisorona, zanak' i Arona, dia hanatitra ny rà
ka hanopy azy manodidina amin' ny lafin' ny alitara, izay
eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana; **6** ary
hohodirany ny fanatitra dorana, dia horasainy tsara. **7** Ary
ireo zanak' i Arona mpisorona dia hanisy afo eo ambonin'
ny alitara ka handahatra kitay eo amin' ny afo. **8** Ary ireo
mpisorona, zanak' i Arona, dia handahatra ny voarasa
mbamin' ny lohany sy ny saborany eo ambonin' ny kitay eo
amin' ny afo izay eo ambonin' ny alitara; **9** fa ny taovany,
sy ny tongony kosa hosasany amin' ny rano; dia hodoran'
ny mpisorona ho fofona izy rehetra eo ambonin' ny alitara;
fanatitra dorana izany, dia fanatitra atao amin' ny afo ho
hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **10** Ary raha ondry
na osy no ateriny ho fanatitra dorana, dia lahy tsy misy
kilema koa no hateriny. **11** Dia hamono azy eo avaratry ny
alitara eo anatrehan' i Jehovah izy; ary ireo mpisorona,
zanak' i Arona, dia hanopy ny rà manodidina amin' ny lafin'
ny alitara. **12** Dia horasainy tsara izy mbamin' ny lohany
sy ny saborany; ary halahatry ny mpisorona eo ambonin'
ny kitay izy eo amin' ny afo izay eo ambonin' ny alitara;
13 fa ny taovany sy ny tongony kosa hosasany amin' ny
rano; dia ho entin' ny mpisorona izy rehetra ka hodorany ho
fofona eo ambonin' ny alitara; ho fanatitra dorana izany, dia
fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i
Jehovah. **14** Ary raha vorona no ateriny ho an' i Jehovah
ho fanatitra dorana, dia domohina na zana-boromailala no
hateriny ho fanatiny. **15** Ary haterin' ny mpisorona ho eo
amin' ny alitara izany, ka hotapahiny amin' ny hoho ny
lohany, dia hodorany ho fofona eo ambonin' ny alitara, ary
hofiazany eo amin' ny rindrin' ny alitara ny ràny; **16** ary
hesoriny ny takorobabony sy ny ao anatiny, ka hariany eo
atsinanan' ny alitara, dia eo amin' ny fitoeran-davenona; **17**
ary hosamahany amin' ny elany no fameraka azy, fa tsy
hohenteriny; ary ny mpisorona handoro azy ho fofona eo
ambonin' ny alitara, ambonin' ny kitay izay eo amin' ny afo;
fanatitra dorana izany, dia fanatitra atao amin' ny afo ho
hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah.

2 Ary raha misy manatitra fanatitra hohanina ho an' i
Jehovah, dia koba tsara toto no hataony fanatiny; ary
hanidina diloilo aminy izy sy hanisy ditin-kazo mani-pofona
eo amboniny. **2** Ary hitondra azy ho amin' ireo mpisorona,
zanak' i Arona, izy, dia handraofan' ireo eran-tànan-ila ny
kobany sy ny diloilony mbamin' ny ditin-kazo manipofona
rehetra; ary hodoran' ny mpisorona ho fofona eo ambonin'
ny alitara izany fanati-pahatsiarovana avy aminy izany; dia
fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i
Jehovah izany. **3** Ary ny sisa amin' ny fanatitra hohanina
dia ho an' i Arona sy ny zanany; ho masìna dia masìna
avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah
izany. **4** Ary raha manatitra fanatitra hohanina voaendy
amin' ny fanendasa-mofo ianao, dia aoka ho mofo tsy misy
masirasira atao amin' ny koba tsara toto sady voaharo diloilo
sy mofo manify tsy misy masirasira sady voahoso-diloilo. **5**
Ary raha fanatitra hohanina voaendy amin' ny lapoely no
fanatitrao, dia aoka ho koba tsara toto voaharo diloilo sady
tsy misy masirasira. **6** Hovakivakinao izy ary hanidinanao
diloilo; dia fanatitra hohanina izany. **7** Ary raha fanatitra
hohanina voahandro amin' ny vilany no fanatitrao, dia koba
tsara toto asian-diloilo no hatao. **8** Ary ho entinao ho an' i
Jehovah ny fanatitra hohanina izay atao amin' ireo zavatra
ireo; ary rehefa voatitra eo amin' ny mpisorona izany, dia
ho entiny eo amin' ny alitara. **9** Ary ny mpisorona haka ny
fanati-pahatsiarovana avy amin' ny fanatitra hohanina ka
handoro azy ho fofona eo ambonin' ny alitara; dia fanatitra
atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah
izany. **10** Ary ny sisa amin' ny fanatitra hohanina dia ho an'
i Arona sy ny zanany; ho masìna dia masìna avy amin' ny
fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah izany. **11** Ny
fanatitra hohanina rehetra, izay aterinareo ho an' i Jehovah,
dia aza asiana zava-maharikivy; fa ny masirasira sy ny
tantely dia samy tsy hangalanareo hodorana ho fofona
ho fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah; **12** fa
ho fanatitra voaloham-bokatra ihany no hahazoanareo
manatitra ireo ho an' i Jehovah; kanefa tsy hakarina eo
ambonin' ny alitara ho hanitra ankasitrahana izany. **13**
Ary samy asio sira ny fanatitra hohaninao rehetra; ary ny
siran' ny faneken' Andriamanitrao dia aza atsahatra amin'
ny fanatitra hohaninao; fa manatera sira miaraka amin' ny
fanatitrao rehetra. **14** Ary raha manatitra fanatitra hohanina
ho an' i Jehovah avy amin' ny voaloham-bokatra ianao, dia
salohim-bary voaendy amin' ny afo, dia langa avy amin' ny
salohy maitso, no haterinao ho fanatitra hohanina avy amin'
ny voaloham-bokatrao. **15** Ary hasianao diloilo izy, sady
hasianao ditin-kazo mani-pofona eo amboniny; dia fanatitra
hohanina izany. **16** Ary hodoran' ny mpisorona ho fofona ny
fanati-pahatsiarovana avy amin' ny langony sy avy amin' ny
diloilony ary ny ditin-kazo mani-pofona rehetra; dia fanatitra
atao amin' ny afo ho an' i Jehovah izany.

3 Ary raha fanati-pihavanana no fanatiny, ka ombilahy
na ombivavy no ateriny, dia izay tsy misy kilema no
hateriny eo anatrehan' i Jehovah. **2** Ary hametraka ny
tànany amin' ny lohan' ny fanatiny izy, dia hamono azy
eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana; ary ireo
mpisorona, zanak' i Arona, hanopy ny rà manodidina amin'
ny lafin' ny alitara. **3** Dia hangalan' ny mpisorona ny fanati-
pihavanana, ka hateriny ho fanatitra atao amin' ny afo ho
an' i Jehovah, dia ny safodrorohany sy ny saboran-tsinainy
4 sy ny voany roa mbamin' ny fonom-boany, izay eo amin'

ny takibany, ary ny ila-atiny lehibe; hataony indray manala amin' ny voany no fanaisony izany. **5** Ary ireo zanak' i Arona dia handoro izany ho fofona eo ambonin' ny alitara miaraka amin' ny fanatitra dorana izay eo ambonin' ny kitay eo amin' ny afo; dia fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah izany. **6** Ary raha ondry na osy no ateriny ho fanati-pihavanana ho an' i Jehovah, dia izay tsy misy kilema, na lahy na vavy, no hateriny. **7** Raha zanak' ondry no hateriny ho fanatiny, dia hanatitra azy eo anatrehan' i Jehovah izy. **8** Ary hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny fanatiny izy, dia hamono azy eo anoloan' ny trano-lay fihaonana; ary ireo zanak' i Arona hanopy ny rà manodidina amin' ny lafin' ny alitara. **9** Ary hangalan' ireo ny fanati-pihavanana ka hateriny ho fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, dia ny hofany manontolo (faranana hatreo amin' ny faran' ny taolan-damosina no fanaisony izany) sy ny saborany, dia ny safodrorohany sy ny saboran-tsinainy **10** ary ny voany roa mbamin' ny fonom-boany, izay eo amin' ny takibany, sy ny ila-atiny lehibe; hataony indray manala amin' ny voany no fanaisony izany. **11** Ary ny mpisorona dia handoro izany ho fofona eo ambonin' ny alitara; hanina avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah izany. **12** Ary raha osy no fanatiny, dia hanatitra azy eo anatrehan' i Jehovah izy. **13** Ary hametraka ny tànany amin' ny lohany izy, dia hamono azy eo anoloan' ny trano-lay fihaonana; ary ireo zanak' i Arona dia hanopy ny rà manodidina amin' ny lafin' ny alitara. **14** Ary avy aminy no hanaterany ny fanatiny atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, dia ny safodrorohany sy ny saboran-tsinainy **15** ary ny voany roa mbamin' ny fonom-boany, izay eo amin' ny takibany, sy ny ila-atiny lehibe; hataony indray manala amin' ny voany no fanaisony izany. **16** Ary ny mpisorona handoro azy ho fofona eo ambonin' ny alitara; hanina avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana izany; an' i Jehovah ny sabora rehetra. **17** Izao no ho lalàna mandrakizay amin' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby eny amin' izay rehetra itoeranareo: tsy hihinana sabora na rà akory ianareo.

4 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha misy olona manota tsy nahy ny didin' i Jehovah amin' izay tsy tokony hatao ka mandika ny anankiray amin' ireny: **3** raha ny mpisorona voahosotra no manota ka mahameloka ny olona, dia aoka hanatitra vantotr' ombilahy tsy misy kilema izy noho ny fahotany izay nataony, dia fanatitra noho ny ota ho an' i Jehovah. **4** Ary hitondra ny vantotr' ombilahy ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana izy ho eo anatrehan' i Jehovah; ary hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny vantotr' ombilahy izy ka hamono azy eo anatrehan' i Jehovah. **5** Ary hangalan' ny mpisorona voahosotra ny ran' ny vantotr' ombilahy ka ho entiny ho ao amin' ny trano-lay fihaonana; **6** ary ny mpisorona hanoboka ny fanondrony eo amin' ny rà, ka hafafiny impito eo anatrehan' i Jehovah, eo anoloan' ny efitra lamba ao amin' ny fitoerana masìna; **7** ary hotentenan' ny mpisorona rà ny tandroky ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra eo anatrehan' i Jehovah, izay ao amin' ny trano-lay fihaonana; ary ny rà sisa rehetra avy amin' ny vantotr' ombilahy dia haidiny eo am-bodin' ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana, izay eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana. **8** Ary halainy avokoa ny saborany rehetra amin' ny vantotr' ombilahy izay atao fanatitra noho ny ota, dia ny safodrorohany sy ny saboran-tsinainy, **9** ary ny voany roa mbamin' ny fonom-boany, izay eo amin' ny takibany, sy ny ila-atiny lehibe; hataony indray manala amin' ny voany no fanaisony izany, **10** tahaka ny fanalana azy amin' ny omby izay atao fanati-pihavanana; ary ny mpisorona handoro azy ho fofona eo ambonin' ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana. **11** Fa ny hoditry ny vantotr' ombilahy sy ny henany rehetra mbamin' ny lohany sy ny tongony ary ny taovany sy ny tain-drorohany, **12** dia ny tenan' ny vantotr' ombilahy rehetra, no havoakany avokoa ho eny ivelan' ny toby ho amin' izay fitoerana madio fanariana ny lavenona; ary handoro azy eo ambonin' ny kitay amin' ny afo izy; eo amin' ny fanariana ny lavenona no handoroana azy. **13** Ary raha ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, kosa no manota tsy nahy, fa misy tsy hitan' ny mason' ny fiangonana, ary mandika ny anankiray amin' ny didin' i Jehovah amin' izay tsy tokony hatao izy ka meloka, **14** rehefa fantatra ny ota izay nataony, dia hanatitra vantotr' ombilahy ny fiangonana ho fanatitra noho ny ota ka hitondra azy ho eo anoloan' ny trano-lay fihaonana. **15** Ary ny loholon' ny fiangonana hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny vantotr' ombilahy eo anatrehan' i Jehovah; ary ny vantotr' ombilahy dia hovonoina eo anatrehan' i Jehovah. **16** Ary hangalan' ny mpisorona voahosotra ny ran' ny vantotr' ombilahy ka ho entiny ho ao amin' ny trano-lay fihaonana, **17** ary ny mpisorona hanoboka ny fanondrony amin' ny rà, ka hafafiny impito eo anatrehan' i Jehovah, dia eo anoloan' ny efitra lamba. **18** Ary hangalany koa ny rà ka hatentiny eo amin' ny tandroky ny alitara izay eo anatrehan' i Jehovah, dia ilay ao anatin' ny trano-lay fihaonana, ary ny rà sisa rehetra dia haidiny eo am-bodin' ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana, izay eo am-baravaran' ny trano-lay fihaonana. **19** Dia hanaisotra ny saborany rehetra izy ka handoro azy ho fofona eo ambonin' ny alitara. **20** Ary ny vantotr' ombilahy dia hataony tahaka ny efa nataony tamin' ny vantotr' ombilahy izay natao fanatitra noho ny ota, toy izany no hanaovany azy; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho an' ny olona, dia havela ny helony. **21** Ary ny vantotr' ombilahy dia havoakany ho eny ivelan' ny toby ka hodorany tahaka ny efa nandoroany ny vantotr' ombilahy voalohany; dia fanatitra noho ny ota ho an' ny fiangonana izany. **22** Ary raha misy mpanapaka manota tsy nahy ka mandika ny anankiray amin' ny didin' i Jehovah Andriamaniny amin' izay tsy tokony hatao ka meloka, **23** ary misy mampahafantatra azy ny fahotany izay nataony, dia hitondra osilahy tsy misy kilema ho fanatiny izy; **24** ary hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny osilahy izy, dia hamono azy eo amin' ny famenoana ny fanatitra dorana eo anatrehan' i Jehovah; dia fanatitra noho ny ota izany. **25** Ary hangalan' ny mpisorona amin' ny fanondrony ny ran' ny fanatitra noho ny ota ka hatentiny eo amin' ny tandroky ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana, ary ny

rà sisa dia haidiny eo am-bodin' ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana; **26** ary ny saborany rehetra dia hodorany ho fofona eo ambonin' ny alitara, tahaka ny saboran' ny fanati-pihavanana ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy noho ny fahotany, dia havela ny helony. **27** Ary raha misy amin' ny vahoaka manota tsy nahy ka mandika ny anankiray amin' ny didin' i Jehovah amin' izay tsy tokony hatao ka meloka, **28** ary misy mampahafantatra azy ny fahotany izay nataony, dia hitondra osivavy tsy misy kilema ho fanatiny izy noho' ny fahotany izay nataony. **29** Ary hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny fanatitra noho ny ota izy, dia hamono azy eo amin' ny fitoeran' ny fanatitra dorana. **30** Ary hangalan' ny mpisorona amin' ny fanondrony ny rà ka hatentiny eo amin' ny tandroky ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana, ary ny rà sisa rehetra dia haidiny eo am-bodin' ny alitara. **31** Ary hesoriny avokoa ny saborany rehetra, tahaka ny fanesorana ny saboran' ny fanati-pihavanana; ary ny mpisorona handoro azy ho fofona eo ambonin' ny alitara ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy, dia havela ny helony. **32** Ary raha zanak' ondry no entiny ho fanatitra noho ny ota, dia ny vavy tsy misy kilema no ho entiny; **33** ary hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny fanatitra noho ny ota izy, dia hamono azy ho fanatitra noho ny ota eo amin' ny famonoana ny fanatitra dorana. **34** Ary hangalan' ny mpisorona amin' ny fanondrony ny ran' ny fanatitra noho ny ota ka hatentiny eo amin' ny tandroky ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana, ary ny rà sisa rehetra dia haidiny eo am-bodin' ny alitara. **35** Ary hesoriny avokoa ny saborany rehetra, tahaka ny fanesorana ny saboran' ny zanak' ondry izay natao fanati-pihavanana, ary ny mpisorona handoro azy ho fofona eo ambonin' ny alitara, ambonin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy noho ny fahotany izay nataony, dia havela ny helony.

5 Ary raha misy manota, satria mandre ny feon' ny fampianianana, sady vavolombelona nahita na nahalala, nefa tsy manambara izy, ka mahameloka azy izany, **2** na misy mikasika izay zavatra tsy madio, na ny fatin' ny bibidia tsy madio, na ny fatin' ny biby fiompy izay tsy madio, na ny fatin' ny biby mandady na mikisaka izay tsy madio, nefa tsy hitany izany, ka mahaloto sy mahameloka azy izany, **3** na misy mikasika ny fahalotoan' olona, dia izay fahalotoany rehetra na inona na inona, nefa tsy hitany izany, rehefa fantany izany, ka mahameloka azy, **4** na misy mianiana ka miteniteny foana amin' ny molotra hanao ratsy na hanao soa, na inona na inona tenitenenin' ny olona foana ka asiany fianianana, nefa tsy hitany izany, rehefa fantany, ka meloka amin' ny anankiray amin' ireo izy: **5** koa raha meloka amin' ny anankiray amin' ireo izy, dia hiaiky izay zavatra nanotany, **6** ary hitondra ny saziny ho an' i Jehovah noho ny fahotany izay nataony izy, dia ondrivavy na osivavy, nefa izay vantony, ho fanatitra noho ny ota; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy noho ny fahotany. **7** Ary raha tsy tratry ny ananany izany, dia hitondra domohina roa na zana-boromailala roa ho an' i Jehovah izy ho saziny noho ny nanotany; ka ny anankiray hatao fanatitra noho ny ota, ary ny anankiray kosa hatao fanatitra dorana. **8** Dia hitondra ireo ho eo amin' ny mpisorona izy, ary ny mpisorona kosa hanatitra ny iray aloha ho fanatitra noho ny ota, ka hotapahiny amin' ny hoho ny lohany ho afaka amin' ny vozony, fa tsy hohenteriny izy. **9** Ary hamafazany eo amin' ny rindrin' ny alitara ny ran' ny fanatitra noho ny ota; ary ny rà sisa hofiazany eo am-bodin' ny alitara; dia fanatitra noho ny ota izany. **10** Ary ny iray kosa dia hataony fanatitra dorana, araka ny fanao; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy noho ny fahotany izay nataony, dia havela ny helony. **11** Fa raha tsy tratry ny ananany koa ny domohina roa na ny zana-boromailala roa, dia hitondra ny fanatiny noho ny fahotany izy, dia koba tsara toto ampahafolon' ny efaha ho fanatitra noho ny ota; tsy hasiany diloilo izany, ary tsy hasiany ditin-kazo mani-pofona, fa fanatitra noho ny ota izany. **12** Dia hitondra azy ho eo amin' ny mpisorona izy, ary handraofan' ny mpisorona erantànan-ila ho fanati-pahatsiarovana avy aminy ka hodorany ho fofona eo ambonin' ny alitara miaraka amin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah; dia fanatitra noho ny ota izany. **13** Ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy noho ny fahotany izay nataony tamin' ny anankiray amin' ireo, dia havela ny helony; ary ho an' ny mpisorona ny sisa, toy ny fanatitra hohanina. **14** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **15** Raha misy olona manao izay mahadiso ka manota tsy nahy ny amin' ny zava-masin' i Jehovah, dia hitondra ny fanati-panonerany ho an' i Jehovah izy, dia ondrilahy tsy misy kilema, koa sekely volafotsy no anombananao azy, araka ny sekely masìna, ho fanati-panonerana. **16** Ary izay efa nanotany ny amin' ny zava-masìna dia honerany, ary hampiany ho tonga avy fahenina ka hatolony amin' ny mpisorona; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy amin' ny ondrilahy atao fanati-panonerana, dia havela ny helony. **17** Ary raha misy olona manota, satria manao izay tsy tokony hatao ka mandika ny anankiray amin' ny didin' i Jehovah, nefa tsy fantany izany, ka mahameloka azy, ary mitondra ny helony izy, **18** dia hitondra ondrilahy tsy misy kilema izy, araka ny anombananao azy, ho fanati-panonerana ho any amin' ny mpisorona; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy noho ny ota tsy nahy izay nahadiso azy, nefa tsy fantany, dia havela ny helony; **19** dia fanati-panonerana izany, fa efa meloka tamin' i Jehovah tokoa izy.

6 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Raha misy olona manota, satria manao izay mahadiso amin' i Jehovah, fa mandainga amin' ny namany ny amin' izay nampitehirizina azy, na amin' ny zavatra notanany ho tsatòka, na amin' izay nalainy an-keriny, na ota nampahory ny namany, **3** na nahita izay zavatra very ka mandainga amin' izany sady mianian-tsy tò ny amin' izay mety ho fahotan' ny olona, **4** satria nanota izy ka meloka, dia hanonitra izay nalainy an-keriny, na izay tamin' ny fampahoriana, na izay nampitehirizina azy, na izay zavatra very hitany, **5** na izay rehetra nianianany tsy tò; dia hanonitra toraka izany izy sady hanampy azy koa ho

tonga avy fahenina, ka homeny ilay tompon-javatra amin' ny andro anaterany ny fanati-panonerany izany. **6** Ary ny fanati-panonerana ho entiny ho an' i Jehovah dia ondrilahy tsy misy kilema, araka ny anombananao azy, ho fanati-panonerana ho any amin' ny mpisorona. **7** Ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy eo anatrehan' i Jehovah, dia havela ny helony na inona na inona no fahadisoana nataony. **8** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **9** Mandidia an' i Arona sy ireo zanany hoe: Izao no lalàna ny amin' ny fanatitra dorana: Ny fanatitra dorana dia ho eo amin' ny fatana eo an-tampon' ny alitara mandritra ny alina mandra-pahamaraina, ary ny afon' ny alitara hirehitra eo. **10** Any hiakanjoan' ny mpisorona ny akanjony rongony fotsy, ary ny kalisaoniny rongony fotsy dia hataony manolo-koditra, dia handraoka ny lavenona avy amin' ny fanatitra dorana izay nolevonin' ny afo teo ambonin' ny alitara izy ka hametraka azy eo anilan' ny alitara. **11** Ary hanala ny fitafiany izy ka hitafy fitafiana hafa, dia hamoaka ny lavenona ho eny ivelan' ny toby amin' izay fitoerana madio. **12** Ary ny afo eo ambonin' ny alitara hirehitra eo ka tsy havela ho faty, fa hotohofan' ny mpisorona kitay hazo isa-maraina; ary ny fanatitra dorana halahany eo amboniny ka hodorany ho fofona eo ambonin' ny saboran' ny fanati-pihavanana. **13** Dia hisy afo mirehitra mandrakariva eo ambonin' ny alitara ka tsy havela ho faty. **14** Ary izao no lalàna ny amin' ny fanatitra hohanina: Ireo zanak' i Arona no hanatitra azy eo anatrehan' i Jehovah eo anoloan' ny alitara. **15** Ary hangalany eran-tànan-ila ny koba tsara toto amin' ny fanatitra hohanina sy ny diloilony mbamin' ny ditin-kazo manipofona rehetra izay eo ambonin' ny fanatitra hohanina, dia hodorany ho fofona eo ambonin' ny alitara izany fanati-pahatsiarovana izany ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **16** Ary izay sisa amin' ireny dia hohanin' i Arona sy ireo zanany, koa hataony mofo tsy misy masirasira, ary eo amin' izay fitoerana masìna anankiray no hihinanany azy, dia eo anatin' ny kianjan' ny trano-lay fihaonana. **17** Tsy hasiana masirasira izany raha hendasina; fa efa nomeko ho anjarany avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho Ahy izany; masìna dia masìna izany tahaka ny fanatitra noho ny ota sy tahaka ny fanati-panonerana. **18** Ny lehilahy rehetra amin' ny zanak' i Arona no mahazo mihinana izany. Ho anjara mandrakizay ho an' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah izany; ho masìna izay rehetra manendry izany. **19** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **20** Izao no fanatitr' i Arona sy ireo zanany, izay hateriny ho an' i Jehovah amin' izay andro anosorana azy: Koba tsara toto ampahafolon' ny efaha no hatao fanatitra hohanina isan' andro, ny antsasany maraina, ary ny antsasany hariva. **21** Amin' ny lapoely no hanaovana azy ka hasiana diloilo; ary rehefa voaendy izy, dia ento; voaendy sady voavakivaky toy ny fanatitra hohanina no hanateranao azy ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **22** Ary ilay mpisorona avy amin' ny zanany, izay voahosotra handimby azy, no hanao izany; anjara mandrakizay ho an' i Jehovah izany ka hodorana ho fofona avokoa; **23** fa ny fanatitra hohanina rehetra izay aterin' ny mpisorona dia hodorana avokoa, fa tsy hohanina. **24** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **25** Mitenena amin' i Arona sy ireo zanany hoe: Izao no Lalàna ny amin' ny fanatitra noho ny ota: Eo amin' ny famonoana ny fanatitra dorana no hamonoana ny fanatitra noho ny ota eo anatrehan' i Jehovah; ho masìna dia masìna izany. **26** ilay mpisorona manatitra azy noho ny ota no hihinana azy; eo amin' izay fitoerana masìna no hihinanany azy, dia eo amin' ny kianjan' ny trano-lay fihaonana. **27** Ho masìna izay rehetra manendry ny henany; ary raha misy fitafiana ipitihan' ny ràny, dia hosasanao eo amin' izay fitoerana masìna izay ipitihany. **28** Ary ny vilany tany izay nandrahoana azy dia hovakivakina; fa raha vilany varahina kosa no nandrahoana azy, dia hofotsiana sy hosasandrano izany. **29** Ny lehilahy rehetra amin' ny mpisorona no mahazo mihinana azy; masìna dia masìna izany. **30** Fa ny fanatitra noho ny ota izay angalan-drà ho entina ao amin' ny trano-lay fihaonana, hanaovana fanavotana ao amin' ny fitoerana masìna, dia tsy hohanina; hodorana amin' ny afo izany.

7 Ary izao no lalàna ny amin' ny fanati-panonerana: masìna dia masìna izany. **2** Eo amin' izay famonoana ny fanatitra dorana no hamonoana ny fanati-panonerana; ary ny rà dia hatopiny manodidina amin' ny lafin' ny alitara. **3** Ary dia hateriny avokoa ny hofany sy ny saborany rehetra, dia ny safodrorohany sy ny saboran-tsinainy **4** ary ny voany roa mbamin' ny fonom-boany, izay eo amin' ny takibany, ary ny ila-atiny lehibe; hatao indray manala amin' ny voany no fanaisony izany. **5** Ary hodoran' ny mpisorona ho fofona eo ambonin' ny alitara ireo ho fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah; dia fanati-panonerana izany. **6** Ny lehilahy rehetra amin' ny mpisorona no mahazo mihinana izany; eo amin' izay fitoerana masìna no hihinanany azy: masìna dia masìna izany. **7** Ho tahaka ny fanatitra noho ny ota ny fanati-panonerana, ka lalàna iray no ho amin' izy roa: ho an' ny mpisorona izay manao fanavotana aminy izany. **8** Ary ilay mpisorona manatitra ny fanatitra dorana izay aterin' ny olona dia hahazo ny hoditr' izany fanatitra dorana nateriny izany. **9** Ary ny fanatitra hohanina rehetra izay voaendy am in' ny fanendasa-mofo sy izay rehetra atao amin' ny vilany fandrahoana, na amin' ny lapoely, dia ho an' ilay mpisorona manatitra azy. **10** Fa ny fanatitra hohanina rehetra, izay voaharo diloilo, na ny maina, dia ho an' ny zanak' i Arona rehetra kosa, ka hiara-misalahy izy. **11** Ary izao no lalàna ny amin' ny fanati-pihavanana izay haterina ho an' i Jehovah: **12** Raha misy manatitra izany ho fanati-pisaorana, dia izao no hateriny ho fanampiny: mofo izay tsy misy masirasira sady voaharo diloilo sy mofo manify tsy misy masirasira sady voahoso-diloilo ary mofo atao amin' ny koba tsara toto voaendy sady voaharo diloilo. **13** Ary miaraka amin' ny mofo tsy misy masirasira dia mofo misy masirasira kosa no hateriny ho fanampin' ny fanati-pihavanana izay ataony ho fanati-pisaorana. **14** Ary hangalany iray avy ny isam-panatitra ho fanatitra asandratra ho an' i Jehovah; ho an' ilay mpisorona manopy ny ran' ny fanati-pihavanana izany. **15** Ary ny henan' ny fanati-pihavanana izay ataony

ho fanati-pisaorana dia hohanina amin' ny andro anaterana azy; tsy hisy havela ho tra-maraina. **16** Fa raha fanati-panalamboady na fanati-tsitrapo kosa no ateriny, dia amin' ny andro anaterany ny fanatiny no hihinanana azy, ary ampitson' iny no hihinanana izay ambiny. **17** Fa ny sisa amin' ny henan' ny fanatitra dia hodorana amin' ny afo amin' ny andro fahatelo. **18** Ary raha tahìny hihinanana amin' ny andro fahatelo ny henan' ny fanati-pihavanana, na dia kely aza, dia tsy horaisina na hisaina ho an' izay manatitra azy izany, fa fahavetavetana; ary ny olona izay mihinana amin' izany dia ho meloka. **19** Ary na ny hena izay mikasika zava-maloto aza dia tsy hohanina, fa hodorana amin' ny afo; ary ny amin' ny hena, dia izay madio rehetra no mahazo mihinana azy; **20** fa ny olona izay misy fahalotoana, nefa mihinana hena avy amin' ny fanati-pihavanana, izay an' i Jehovah, dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **21** Ary ny olona izay mikasika zava-maloto, na fahalotoan' olona, na biby maloto, na izay zava-betaveta maloto, ka mihinana amin' ny henan' ny fanati-pihavanana izay an' i Jehovah, dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **22** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **23** Mitenana amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Aza mihinana sabora akory ianareo, na ny an' ny omby, na ny an' ny ondry, nany an' ny osy. **24** Ary ny saboran' ny biby izay maty ho azy sy ny saboran' izay noviraviraim-biby dila azo atao amin' ny zavatra hafa ihany, fa aza mihinana azy ianareo. **25** Fa izay rehetra mihinana saboran' ny biby fiompy, izay fanao fanatitra, atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **26** Ary aza mihinana rà eny amin' izay rehetra itoeranareo, na ny an' ny vorona, na ny an' ny biby fiompy. **27** Izay rehetra mihinana rà dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **28** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **29** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Izay manatitra ny fanati-pihavanany ho an' i Jehovah dia hitondra ny fanatiny ho an' i Jehovah avy amin' ny fanati-pihavanany. **30** Ny tànany ihany no hitondra ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah; ny saborany mbamin' ny tratrany no ho entiny, ka ny tratrany dia hahevaheva ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah. **31** Ary hodoran' ny mpisorona ho fofona eo ambonin' ny alitara ny saborany; fa ny tratrany kosa dia ho an' i Arona sy ireo zanany. **32** Ary ny soroka ankavanana dia homenareo ny mpisorona ho fanatitra asandratra avy amin' ny fanati-pihavananareo. **33** Ny anankiray amin' ny zanak' i Arona izay manatitra ny ran' ny fanati-pihavanana sy ny saborany no hanana ny soroka ankavanana ho anjarany. **34** Fa ny tratra ahevaheva sy ny soroka asandrata dia efa nalaiko tamin' ny Zanak' Isiraely avy amin' ny fanati-pihavanany, ary nomeko ho an' i Arona mpisorona sy ny zanany, ho anjarany mandrakizay avy amin' ny Zanak' Isiraely. **35** Izany no anjaran' i Arona sy ny zanany avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, amin' ilay andro ampanakekeny azy mba ho mpisorona ho an' i Jehovah, **36** dia izay nandidian' i Jehovah homena azy avy amin' ny Zanak' Isiraely amin' ilay andro anosorana azy, ho anjarany mandrakizay amin' ny tarananny hatramin' ny fara mandimby. **37** Izany no lalàna ny amin' ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra noho ny ota sy ny fanati-panonerana sy ny fanati-panokanana ary ny fanati-pihavanana, **38** izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy tao amin' ny tendrombohitra Sinay, tamin' ny andro izay nandidiany ny Zanak' Isiraely hanatitra ny fanatiny ho an' i Jehovah, tany an-efitr' i Sinay.

8 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Alao Arona sy ny zanany ary ny fitafiana sy ny diloilo fanosorana sy ny vantotr' ombilahy iray hatao fanatitra noho ny ota sy ny ondrilahy roa ary ny harona misy mofo tsy misy masirasira. **3** Ary vorio ny fiangonana rehetra ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana. **4** Ary Mosesy nanao araka izay nandidian' i Jehovah azy; dia vory teo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana ny fiangonana. **5** Ary hoy Mosesy tamin' ny fiangonana: Izao atao izao no raharaha izay nandidian' i Jehovah. **6** Ary Arona sy ny zanany dia nentin' i Mosesy nanatona ka nampandroiny tamin' ny rano. **7** Dia nampiakanjoiny ny akanjo lava izy ary nasiany ny fehin-kibo, dia nampiakanjoiny ny akanjo ivelany izy, ary ny efoda dia nataony taminy, dia nasiany ny fehin-kibo momba ny efoda izy, ka nataony fehin' ny efoda taminy izany. **8** Ary ny saron-tratra dia nataony taminy, ka nataony tao ny Orima sy ny Tomima. **9** Ary ny hamama dia nataony teo an-dohany; ary ny takela-bolamena, ilay diadema masìna, dia nataony teo anoloana amin' ny hamama, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **10** Ary nalain' i Mosesy ny diloilo fanosorana dia nohosorany ny tabernakely sy izay rehetra tao ka nohamasininy. **11** Dia namafazany impito teo ambonin' ny alitara ny diloilo; ary nohosorany avokoa ny alitara mbamin' ny fanaka rehetra momba azy ary ny tavy sy ny faladiany hahamasina azy. **12** Ary nanidinany teo amin' ny lohan' i Arona ny diloilo fanosorana, ka nanosotra azy izy hahamasina azy. **13** Ary dia nentin' i Mosesy nanatona koa ny zanak' i Arona ka nampiakanjoiny akanjo lava, ary nasiany fehin-kibo, dia nampisatrohiny, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **14** Ary nentiny nanatona koa ny vantotr' ombilahy izay hatao fanatitra noho ny ota; ary Arona sy ny zanany nametraka ny tànany tamin' ny lohan' ny vantotr' ombilahy izay hatao fanatitra noho ny ota. **15** Dia novonoiny ny, ary nalain' i Mosesy ny rà, ka notentenany tamin' ny fanondrony ny tandroky ny alitara teo amin' ny zorony efatra nanadiovany azy; ary ny rà sisa dia naidiny teo am-bodin' ny alitara, ka nahamasina azy, mba hanao fanavotana ho azy. **16** Dia nalainy ny saboran-tsinainy rehetra sy ny ila-atiny lehibe sy ny voany mbamin' ny fonom-boany, ka nodoran' i Mosesy ho fofona teo ambonin' ny alitara ireo. **17** Fa ny hoditry ny vantotr' ombilahy sy ny henany ary ny tain-drorohany kosa dia nodorany tamin' ny afo teny ivelan' ny toby, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **18** Ary nentiny nanatona ny ondrilahy izay hatao fanatitra dorana; ary Arona sy ny zanany nametraka ny tànany tamin' ny lohan' ny ondrilahy. **19** Dia novonoina iny; ary Mosesy nanipy ny rà manodidina tamin' ny lafin' ny alitara. **20** Ary norasainy tsara ny ondrilahy; dia nodoran' i Mosesy ho fofona ny lohany sy ireo voarasa ireo ary ny saborany. **21** Ary ny taovany sy ny tongony nosasany tamin'

ny rano; dia nodoran' i Mosesy ho fofona teo ambonin' ny alitara ny tenan' ny ondrilahy; fanatitra dorana izany ho hanitra ankasitrahana, dia fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **22** Dia nentiny nanatona koa ny ondrilahy anankiray, dia ny ondrilahy fanokanana; ary Arona sy ny zanany dia nametraka ny tànany tamin' ny lohan' ny ondrilahy. **23** Dia novonoiny iny; ary nangalan' i Mosesy ny rà ka, natentiny teo amin' ny tendron' ny ravin-tsofin' i Arona ankavanana sy tamin' ny ankihiben-tànany ankavanana ary tamin' ny ankihiben-tongony ankavanana. **24** Ary nentiny nanatona koa ny zanak' i Arona, ka notentenan' i Mosesy ny rà ny tendron' ny ravin-tsofiny ankavanana sy ny ankihiben-tànany ankavanana ary ny ankihiben-tongony ankavanana; ary ny rà sisa dia natopin' i Mosesy manodidina tamin' ny lafin' ny alitara. **25** Ary nalainy ny hofany sy ny saborany, dia ny safodrorohany sy ny ila-atiny lehibe sy ny voany roa mbamim' ny fonom-boany ary ny sorony ankavanana. **26** Ary ilay harona nisy ny mofo tsy misy masirasira, izay teo anatrehan' i Jehovah, dia nangalany iray tamin' ny mofo tsy misy masirasira sy iray tamin' ny mofo voaisy diloilo ary iray tamin' ny mofo manify ka napetrany teo ambonin' ny saborany sy ny sorok' ondry ankavanana. **27** Dia napetrany teo amin' ny tànan' i Arona sy ny zanany ireo rehetra ireo ka nahevahevany ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah. **28** Dia nalain' i Mosesy tamin' ny tànany indray ireo ka nodorany ho fofona teo ambonin' ny alitara niaraka tamin' ny fanatitra dorana; fanati-panokanana ireo ho hanitra ankasitrahana, dia fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **29** Dia nalain' i Mosesy koa ny tratran' ondry ka nahevahevany ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah; anjaran' i Mosesy avy amin' ny ondrilahy fanokanana izany, araka izay efa nandidian' i Jehovah azy. **30** Ary nangalan' i Mosesy ny diloilo fanosorana sy ny rà izay teo ambonin' ny alitara ka nafafiny tamin' i Arona sy tamin' ny fitafiany ary tamin' ny zanany sy tamin' ny fitafian' ny zanany koa; dia nanamasina an' i Arona sy ny fitafiany ary ny zanany sy ny fitafian' ny zanany koa Izy. **31** Ary hoy Mosesy tamin' i Arona sy ny zanany: Andrahoy eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana ny hena; ary eo no hihinananareo azy mbamin' ny mofo izay eo amin' ny haron' ny fanati-panokanana, araka izay nandidiako hoe: Arona sy ny zanany no hihinana azy. **32** Ary izay sisa amin' ny hena sy ny mofo dia hodoranareo amin' ny afo. **33** Ary tsy hiala eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana hafitoana ianareo, dia mandra-pahatapitry ny andro fanokanana anareo; fa hafitoana no hanokanany anareo. **34** Tahaka ny efa natao androany no nandidian' i Jehovah hatao, hanaovana fanavotana ho anareo. **35** Ary hitoetra eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana hafitoana andro aman' alina ianareo ka hitandrina izay asain' i Jehovah hotandremana, dia tsy ho faty ianareo fa izany no nandidiana ahy. **36** Dia nataon' i Arona sy ny zanany izay rehetra efa nandidian' i Jehovah ka nampilazainy an' i Mosesy.

9 Ary tamin' ny andro fahavalo Mosesy dia nampaka an' i Arona sy ny zanany ary ny loholon' ny Isiraely. **2** Dia hoy izy tamin' i Arona: Makà ombilahy kely ho anao hatao fanatitra noho ny ota sy ondrilahy ho fanatitra dorana, izay samy tsy misy kilema, ka atero eo anatrehan' i Jehovah. **3** Ary ny Zanak' Isiraely dia ilazao hoe: Makà osilahy hatao fanatitra noho ny ota sy ombilahy kely ary zanak' ondry, izay samy iray taona sady samy tsy misy kilema, hatao fanatitra dorana, **4** ary omby sy ondrilahy hatao fanati-pihavanana, hovonoina ho fanatitra eo anatrehan' i Jehovah, ary fanatitra hohanina voaharo diloilo; fa anio no hisehoan' i Jehovah aminareo. **5** Dia nitondra izay nandidian' i Mosesy azy ho eo anoloan' ny trano-lay fihaonana izy; ary ny fiangonana rehetra nanatona ka nijanona teo anatrehan' i Jehovah. **6** Ary hoy Mosesy: Izao no zavatra izay nandidian' i Jehovah, koa ataovinareo, dia hiseho aminareo ny voninahitr' i Jehovah. **7** Ary hoy Mosesy tamin' i Arona: Manatona ny alitara, dia manatera ny fanatitrao noho ny ota sy ny fanatitra odoranao ka manaova fanavotana ho an' ny tenanao sy ho an' ny olona; dia manatera ny fanatitry ny olona ka manaova fanavotana ho azy, araka izay nandidian' i Jehovah. **8** Dia nanatona ny alitara Arona ka namono ny ombilahy kely hatao fanatitra noho ny ota, izay ho an' ny tenany. **9** Ary nentin' ny zanak' i Arona ho eo aminy ny rà, dia nanoboka ny fanondrony tamin' ny rà Arona, ka notentenany ny tandroky ny alitara ary ny rà sisa dia naidiny teo am-bodin' ny alitara; **10** fa ny saborany sy ny voany roa ary ny ila-atiny lehibe avy tamin' ny fanatitra noho ny ota dia nodorany ho fofona teo ambonin' ny alitara, araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy; **11** ary ny hena sy ny hoditra dia nodorany tamin' ny afo teny ivelan' ny toby. **12** Dia namono ny fanatitra dorana Arona; ary ny zanany nanolotra azy ny rà dia nanopy izany manodidina tamin' ny lafin' ny alitara izy. **13** Ary ny fanatitra dorana mbamin' ny lohany dia natolotr' ireo azy tsirairay araka ny nandrasàna azy ka nodorany ho fofona teo ambonin' ny alitara. **14** Ary nanasa ny taovany sy ny tongony izy, dia nandoro ireo ho fofona niaraka tamin' ny fanatitra dorana teo ambonin' ny alitara. **15** Dia nentiny nanatona ny fanatitry ny olona, ka nalainy ny osilahy hatao fanatitra noho ny ota, izay ho an' ny olona, dia namono azy izy ka nanatitra azy ho fanatitra noho ny ota, tahaka ilay anankiray teo. **16** Dia nanatitra ny fanatitra dorana izy ka nanao azy araka ny fanao. **17** Dia nentiny nanatona koa ny fanatitra hohanina ka nangalany eran-tànan-ila, dia nodorany ho fofona teo ambonin' ny alitara izany, ho fanampin' ny fanatitra dorana maraina. **18** Dia namono ny omby sy ny ondrilahy koa izy hatao fanati-pihavanana, izay haterina noho ny olona; ary ny zanak' i Arona nanolotra azy ny rà, dia nanopy izany manodidina tamin' ny lafin' ny alitara izy. **19** Ary natolony azy koa ny saboran' ny omby sy ny hofaky ny ondrilahy mbamin' ny safodrorohany ary ny voany roa sy ny ila-atiny lehibe, **20** dia napetrany teo ambonin' ny tratran' ireo ny saborany, ary nodorany ho fofona teo ambonin' ny alitara izany; **21** fa ny tratrany sy ny sorony ankavanana kosa dia nahevahevan' i Arona ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah, araka izay nandidian' i Mosesy. **22** Ary Arona nanandratra

ny tànany manandrify ny olona ka nitso-drano azy; dia nidina izy, rehefa avy nanatitra ny fanatitra noho ny ota sy ny fanatitra dorana ary ny fanati-pihavanana. **23** Ary Mosesy sy Arona niditra tao amin' ny trano-lay fihaonana, dia nivoaka ka nitso-drano ny olona; ary ny voninahitr' i Jehovah niseho tamin' ny olona rehetra. **24** Ary nisy afo nivoaka avy teo anatrehan' i Jehovah ka nandevona ny fanatitra dorana sy ny saborany teo ambonin' ny alitara; ary nony hitan' ny olona rehetra izany, dia nihoby izy sady niankohoka.

10 Ary Nadaba sy Abiho, zanak' i Arona, samy naka ny fitondran' afony avy ka nanisy afo teo anatiny, ary nanisy ditin-kazo manitra teo, dia nanatitra afo tsy izy teo anatrehan' i Jehovah, izay tsy nandidiany azy. **2** Dia nisy afo nivoaka avy teo anatrehan' i Jehovah ka nahafaty azy roa lahy, dia maty teo anatrehan' i Jehovah izy. **3** Dia hoy Mosesy tamin' i Arona: Izany dia ilay nolazain' i Jehovah hoe: Amin' izay akaiky Ahy no hisehoako ho masìna, ary eo anatrehan' ny olona rehetra no hampisehoako ny voninahitro. Dia sina Arona. **4** Ary Mosesy dia nampaka an' i Misaela sy Elzafana, zanak' i Oziela, rahalahin-drain' i Arona, ka nanao taminy hoe: Manatòna, ka ento ny rahalahinareo hiala eo anoloan' ny fitoerana masìna ho eny ivelan' ny toby. **5** Dia nanatona izy roa lahy ka nitondra azy, mbola miakanjo ny akanjo lavany ihany, ho eny ivelan' ny toby, araka izay efa nolazain' i Mosesy. **6** Ary hoy Mosesy tamin' i Arona ary tamin' i Eleazara sy Itamara, zananilahy: Aza mirakaraka volo, na mandriatra ny akanjonareo, fandrao mba maty koa ianareo, sady hisy fahatezerana hahatratra ny olona rehetra; fa aoka ny rahalahinareo, dia ny taranak' Isiraely rehetra, no hitomany noho ny fahamaizana izay narehitr' i Jehovah. **7** Ary aza miala eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, fandrao maty ianareo; fa efa mby aminareo ny diloilo fanosoran' i Jehovah. Dia nanao araka ny tenin' i Mosesy izy. **8** Ary Jehovah niteny tamin' i Arona ka nanao hoe: **9** Aza misotro divay na toaka ianao, na ny zanakao, raha miditra ao amin' ny trano-lay fihaonana, mba tsy ho faty ianareo (ho lalàna mandrakizay amin' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby izany), **10** ary mba hahaizanareo manavaka ny masìna sy ny tsy masìna, ary ny madio sy ny tsy madio, **11** ary mba hampianarinareo ny Zanak' Isiraely ny didy rehetra izay nasain' i Jehovah holazain' i Mosesy taminy. **12** Ary hoy Mosesy tamin' i Arona ary tamin' i Eleazara sy Itamara zananilahy sisa: Alao ny fanatitra hohanina izay sisa amin' ny fanatitra natao tamin' ny afo ho an' i Jehovah, ka hano eo anilan' ny alitara izany, nefa aza asiana masirasira; fa masìna dia masìna izany. **13** Ary hano eo amin' izay fitoerana masìna izany, fa anjaranao sy ny zanakao avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah izany; fa izany no nandidiany ahy. **14** Ary ny tratrany ahevaheva sy ny sorony asandratra hohaninareo eo amin' izay fitoerana madio, dia ianao mbamin' ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy koa; fa nomena ho anjaranao sy ny zanakao ireo avy amin' ny fanati-pihavanana aterin' ny Zanak' Isiraely. **15** Ny sorony asandratra sy ny tratrany ahevaheva mbamin' ny saborany izay fanatitra atao amin' ny afo dia ho entiny mba hahevaheva ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah; dia ho anao sy ny zanakao koa ireo, ho anjaranareo mandrakizay, araka izay nandidian' i Jehovah. **16** Ary Mosesy nitady fatratra ny osilahy izay natao fanatitra noho ny ota, kanjo efa voadotra izany; dia tezitra tamin' ny zanak' i Arona sisa izy, dia tamin' i Eleazara sy Itamara, ka hoy izy: **17** Nahoana no tsy nohaninareo teo amin' ny fitoerana masìna ny fanatitra noho ny ota? fa masìna dia masìna izany, ary efa nomeny anareo izy hitondranareo ny heloky ny fiangonana, hanaovana fanavotana ho azy eo anatrehan' i Jehovah. **18** Indro, ny ràny tsy nampidirina tao anatin' ny fitoerana masìna, koa tokony ho nihinana azy mihitsy teo amin' ny fitoerana masìna ianareo, araka izay nandidiako. **19** Ary Arona niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: Indro, androany no nanaterany ny fanatiny noho ny ota sy ny fanatitra dorany teo anatrehan' i Jehovah, ary efa azon' izao manjo izao aho; koa raha tàhiny nihinana ny fanatitra noho ny ota androany aho, moa ho tsara teo imason' i Jehovah va izany? **20** Ary raha ren' i Mosesy izany, dia nankasitrahany.

11 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao taminy hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Izao no ho fihinanareo amin' ny biby rehetra ambonin' ny tany: **3** Izay biby rehetra mivaky kitro, ka misaraka tsara ny kitrony, sady mandinika izy, no ho fihinanareo. **4** Kanefa amin' izay mandinika sy mivaky kitro dia izao kosa no tsy ho fihinanareo: Ny rameva, satria mandinika ihany izy, nefa tsy mba mivaky kitro: maloto aminareo izy; **5** ary ny hyraka, satria mandinika ihany izy, nefa tsy mba mivaky kitro: maloto aminareo izy; **6** ary ny rabitro, satria mandinika ihany izy, nefa tsy mba mivaky kitro; maloto aminareo izy; **7** ary ny kisoa, satria mivaky kitro ihany izy ka misaraka tsara ny kitrony, nefa tsy mba mandinika izy: maloto aminareo izy. **8** Ny henan' ireny tsy ho fihinanareo, ary ny fatiny tsy hokasihinareo akory; zava-maloto aminareo ireny. **9** Ary amin' izay rehetra ao anatin' ny rano dia izao no ho fihinanareo: Izay rehetra misy vombony sy kirany ao anaty rano, na ao anatin' ny ranomasina, na ao anatin' ny ony, no ho fihinanareo; **10** fa izay rehetra tsy misy vombony sy kirany kosa, na ao anatin' ny ranomasina, na ao anatin' ny ony, na amin' izay rehetra mihetsiketsika ao anaty rano sy amin' ny zava-manan' aina izay ao anaty rano; fahavetavetana aminareo ireny; **11** eny, ho fahavetavetana aminareo ireny; tsy ho fihinanareo ny nofony, ary hataonareo ho zava-betaveta ny fatiny. **12** Izay rehetra tsy misy vombony na kirany ao anaty rano dia ho zava-betaveta aminareo. **13** Ary izao no ho zava-betaveta aminareo amin' ny vorona ka tsy ho fihinanareo, fa zava-betaveta izy: ny voltora sy ny gypa sy ny ankoay **14** ary ny papango sy ny voromahery, isan-karazany, **15** ary ny goaika rehetra, isan-karazany, **16** ary ny ostritsa sy ny tararaka sy ny vorondriaka sy ny hitsikitsika, isan-karazany, **17** ary ny vorondolo sy ny manarana sy ny vorondolo lehibe **18** ary ny ibisa sy ny sama ary ny voltora madinika **19** sy ny vano

sy ny vanobe, isan-karazany, ary ny takidara sy ny manavy. **20** Ny zava-mandady rehetra izay manana elatra sady mandia tongotra efatra dia ho zava-betaveta aminareo; **21** nefa izao kosa no ho fihinanareo amin' ny zava-mandady izay manana elatra sady mandia tongotra efatra, dia izay manam-pingotra ambonin' ny faladiany hitsipihany eo amin' ny tany. **22** Amin' ireny dia izao no ho fihinanareo; ny valala, isan-karazany, ny solama, isan-karazany, ary ny hargola, isan-karazany, ary ny hagaba, isan-karazany. **23** Fa ny zava-mandady rehetra izay manana elatra sady mandia tongotra efatra afa-tsy ireo dia ho zava-betaveta aminareo. **24** Dia Ireo no ho zava-maloto aminareo; ary izay rehetra mikasika ny fatiny dia haloto mandra-paharivan' ny andro. **25** Ary izay rehetra mitondra ny fatiny dia hanasa ny fitafiany ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **26** Ny biby rehetra izay mivaky kitro, nefa tsy mba misara-kitro tsara sady tsy mandinika, dia ho zava-maloto aminareo; haloto izay rehetra mikasika azy. **27** Ary izay rehetra mandeha amin' ny faladiany, amin' ny biby rehetra izay mandia tongotra efatra, dia zava-maloto aminareo; haloto mandra-paharivan' ny andro izay rehetra mikasika ny fatiny. **28** Ary izay mitondra ny fatiny dia hanasa ny fitafiany ka haloto mandra-paharivan' ny andro; ho zava-maloto aminareo ireny. **29** Ary izao no haloto aminareo amin' ny biby izay mandady na mikisaka amin' ny tany: ny kionkiona sy ny totozy ary ny sitry, isan-karazany, **30** ary ny anakà sy ny koaha sy ny letaha sy ny hometa ary ny tana. **31** Ireo no maloto aminareo amin' ny biby rehetra izay mandady na mikisaka; izay rehetra mikasika ny fatin' ireo dia haloto mandra-paharivan' ny andro. **32** Ary izay zavatra rehetra ilatsahan' ny fatin' Ireo, na fanaka hazo, na fitafiana, na hoditra, na lasaka, izay mety ho fanaovan-javatra na inona na inona, dia haloto, ka tsy maintsy hatao anaty rano izany, ary haloto mandra-paharivan' ny andro izy vao hadio. **33** Ary ny amin' ny vilany tany rehetra izay ilatsahan' ny fatin' ireo, dia haloto izay ao anatiny na inona na inona, ary ny vilany dia hovakinareo. **34** Ary ny hanina fihinana rehetra, izay asian-drano, sy ny fisotro rehetra izay sotroina dia haloto koa, na tamin' ny fanaka inona na tamin' ny fanaka inona. **35** Ary haloto izay zavatra rehetra ilatsahan' ny fatin' ireo, na fanendasana, na vilany mirakotra, dia hovakivakina izany; fa maloto ireny, ary ho zava-maloto aminareo. **36** Kanefa ny loharano na ny lavaka famorian-drano izay misy rano be dia hadio ihany; fa izay mikasika ny fatin-javatra eo no haloto. **37** Ary raha misy fatin' ireo latsaka amin' ny voan-javatra famafy, izay efa hafafy, dia hadio ihany izany. **38** Fa raha misy voan-javatra nalona tamin' ny rano ka ilatsahan' ny fatiny, dia ho zava-maloto aminareo izany. **39** Ary raha misy maty izay biby fihinanareo, dia haloto mandra-paharivan' ny andro izay mikasika ny fatiny. **40** Ary izay mihinana amin' ny fatiny dia hanasa ny fitafiany, ary haloto mandra-paharivan' ny andro; ary izay mitondra ny fatiny dia hanasa ny fitafiany sady haloto mandra-paharivan' ny andro **41** Ary ny zavatra rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany dia ho zava-betaveta aminareo ka tsy ho fihinana. **42** Izay rehetra mandady amin' ny kibony sy Izay rehetra mandia tongotra efatra ary izay rehetra maro tongotra, dia ny biby tehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany, dia tsy ho fihinanareo, fa zava-betaveta ireny. **43** Aza mametaveta ny tenanareo amin' izay biby mandady na mikisaka; ary aza mandoto ny tenanareo aminy, mba tsy hahaloto anareo izany. **44** Fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, dia manamasìna ny tenanareo, ka dia ho masìna ianareo, satria masìna Aho; ary aza mandoto ny tenanareo amin' izay zavatra mandady na mikisaka amin' ny tany. **45** Fa Izaho no Jehovah Izay nitondra anareo niakatra avy tany amin' ny tany Egypta, mba ho Andriamanitrareo, ka dia ho masìna ianareo, satria masìna Aho. **46** Izany no lalàna ny amin' ny biby sy ny vorona sy ny zava-manan' aina rehetra izay mihetsiketsika ao anaty rano ary ny zava-manan' aina rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany, **47** mba hanavahana ny maloto sy ny madio, ary ny biby izay ho fihinana sy ny biby izay tsy ho fihinana.

12 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha misy vehivavy manan' anaka ka tera-dahy, dia haloto hafitoana izy; tahaka ny andro fahalotoany raha mararin' ny fadim-bolany no hahalotoany. **3** Ary amin' ny andro fahavalo dia hoforana ny zaza. **4** Ary telo amby telo-polo andro no hitoeran-dravehivavy amin' ny ràny izay mahadio azy; tsy hanendry zava-masìna izy, na hiditra ao amin' ny fitoerana masìna, mandra-pahatapitry ny andro fidiovany. **5** Fa raha tera-bavy kosa izy, dia haloto tapa-bolana, tahaka ny tamin' ny fahalotoany ihany koa; ary enina amby enim-polo andro no hitoerany hidiovany amin' ny ràny izay mahadio azy. **6** Ary raha tapitra ny andro fidiovany ny amin' ny zanany, na lahy na vavy, dia zanak' ondry izay iray taona no halainy ho fanatitra dorana sy zana-boromailala, na domohina, ho fanatitra noho ny ota, ka ho entiny eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana ho eo amin' ny mpisorona ireo. **7** Ary izy hanatitra izany eo anatrehan' i Jehovah ka hanao fanavotana ho an-dravehivavy, dia hadio tamin' ny fandehanan' ny ràny izy. Izany no lalàna ny amin' ny vehivavy tera-dahy na tera-bavy. **8** Ary raha tsy tratry ny ananany ny zanak' ondry, dia hitondra domohina roa na zana-boromailala roa izy, ny anankiray hatao fanatitra dorana, ary ny anankiray kosa hatao fanatitra noho ny ota; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho an-dravehivavy, dia hadio izy.

13 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **2** Raha misy mamontsina eo amin' ny hoditry ny nofon' ny olona, na misy manako-pery na misy mifaritra mangirana, ka eo amin' ny hoditry ny nofony tahaka ny habokana izany, dia ho entina ho eo amin' i Arona mpisorona izy, na ho eo amin' izay iray amin' ny mpisorona, zanak' i Arona; **3** koa raha zahan' ny mpisorona ny aretina eo amin' ny hoditry ny nofo, ka efa niova ho fotsy ny volo eo amin' ny aretina, ary efa lalina noho ny hoditry ny nofo no fijeriny ny aretina, dia habokana izany; ary raha zahan' ny mpisorona izy, dia hataony hoe maloto. **4** Fa raha misy mifaritra fotsy mangirana kosa eo amin' ny hoditry ny nofony, nefa tsy lalina noho ny hoditra no fijeriny azy, ary tsy niova ho fotsy ny volony, dia hatokan'

ny mpisorona toerana hafitoana ilay marary. **5** Ary raha zahan' ny mpisorona amin' ny andro fahafito izy, ka hitany fa tsy mitombo ny aretina sady tsy manitatra eo amin' ny hoditra, dia hatokany toerana hafitoana indray izy; **6** ary raha zahan' ny mpisorona indray amin' ny andro fahafito izy, ka hitany fa matromatroka ny aretina sady tsy manitatra eo amin' ny hoditra, dia hataony hoe madio izy: manako-pery ihany izany, ka hanasa ny fitafiany izy, dia hadio. **7** Fa raha nanitatra teo amin' ny hodiny kosa ny manako-pery, taorian' ny nisehoany tamin' ny mpisorona ny amin' ny fanadiovana azy, dia hiseho amin' ny mpisorona indray izy. **8** Ary raha zahan' ny mpisorona izy, ka hitany fa manitatra eo amin' ny hoditra ny manako-pery, dia hataony hoe maloto izy: habokana izany. **9** Raha misy habokana amin' ny olona, dia ho entina any amin' ny mpisorona izy; **10** ary raha zahan' ny mpisorona izy, ka hitany fa misy mamontsina fotsy eo amin' ny hoditra, sady efa niova ho fotsy ny volo, ary misy nofo mangenahena hita eo amin' ny mamontsina, **11** dia habokana efa ela teo amin' ny hoditry ny nofony izany, ka hataon' ny mpisorona hoe maloto izy; tsy hatokany toerana akory izy, fa efa maloto. **12** Ary raha mipoipoitra mihitsy eo amin' ny hoditra ny habokana, ary manenika ny hoditr' ilay marary hatramin' ny lohany ka hatramin' ny tongony, na aiza na aiza zahan' ny mpisorona, **13** ary zahan' ny mpisorona, ka hitany fa manenika ny tenany rehetra ny habokana, dia hataony hoe madio ilay marary; fa efa niova ho fotsy avokoa izy, ka dia madio. **14** Fa raha misy nofo mangenahena miseho eo aminy, dia haloto izy. **15** Ary raha zahan' ny mpisorona ny nofo mangenahena, dia hataony hoe maloto izy; fa maloto ny nofo mangenahena: habokana izany. **16** Ary raha miova ny nofo mangenahena ka tonga fotsy, dia hankeo amin' ny Mpisorona izy; **17** ary raha zahan' ny mpisorona ilay marary, ka hitany fa tonga fotsy ny aretina, dia hataon' ny mpisorona hoe madio izy, fa efa madio. **18** Ary raha misy fery sitrana eo amin' ny hoditry ny nofo, **19** ary misy fotsy mamontsina eo amin' ny holatry ny fery, na misy holamena, dia hiseho amin' ny mpisorona izy. **20** Ary raha zahan' ny mpisorona izy, ka lalina noho ny hoditra no fijeriny azy, ary efa niova ho fotsy ny volony, dia hataon' ny mpisorona hoe maloto izy: habokana efa mipoitra eo amin' ny fery izany. **21** Fa raha zahan' ny mpisorona izy, ka hitany fa tsy misy volo fotsy eo, ary tsy lalina noho ny hoditra izy sady matromatroka ihany, dia hatokan' ny mpisorona toerana hafitoana izy; **22** ary raha nanitra mihitsy teo amin' ny hoditra izany, dia hataon' ny mpisorona hoe maloto izy: habokana izany. **23** Fa raha tsy mitombo ny faritra mangirana, ka tsy manitatra, dia fahamaimaizana eo amin' ny fery izany; ary hataon' ny mpisorona hoe madio. **24** Ary raha misy main' ny afo eo amin' ny hoditry ny nofo, ary hita ny may, fa mitarehi-kola-mena, **25** ary zahan' ny mpisorona ka hitany fa efa niova ho fotsy ny volo eo amin' ny itoeran' ny mifaritra mangirana, ary lalina noho ny hoditra no fijeriny azy, dia habokana efa mipoipoitra eo amin' ny may izany, ka hataon' ny mpisorona hoe maloto, habokana izany. **26** Fa raha zahan' ny mpisorona izy, ka hitany fa tsy misy volo fotsy eo amin' ny mifaritra mangirana, ary tsy lalina noho ny hoditra izy sady matromatroka ihany, dia hatokan' ny mpisorona toerana hafitoana izy, **27** ary raha zahan' ny mpisorona amin' ny andro fahafito izy, ka nanitatra mihitsy teo amin' ny hoditra izany, dia hataony hoe maloto: habokana izany. **28** Ary raha tsy mitombo ny faritra fotsy mangirana ka tsy nanitatra teo amin' ny hoditra, fa matromatroka ihany, dia mamontsina eo amin' ny may izany; ary hataon' ny mpisorona hoe madio izy fa fahamaimaizana ihany izany. **29** Ary raha misy lehilahy na vehivavy manana aretina eo amin' ny lohany na eo amin' ny saokany, **30** ary zahan' ny mpisorona ny aretina, ka lalina noho ny hoditra no fijeriny azy, ary misy volo madinika tomamotamo eo, dia hataon' ny mpisorona hoe maloto izy, olona kongonina izany, dia habokana eo amin' ny loha na eo amin' ny saoka izy. **31** Fa raha zahan' ny mpisorona ny kongonina, ka tsy lalina noho ny hoditra no fijeriny azy, nefa tsy misy volo mainty eo, dia hatokany toerana hafitoana ilay olona kongonina. **32** Ary raha zahan' ny mpisorona ny aretina amin' ny andro fahafito, ka hitany fa tsy nanitatra ny aretina, atỳ tsy misy volo tomamotamo eo, ary tsy lalina noho ny hoditra no fijeriny azy, **33** dia hiharatra izy, fa ny misy ny aretina tsy hoharatany; ary hatokan' ny mpisorona toerana hafitoana indray ilay olona kongonina. **34** Ary raha zahan' ny mpisorona amin' ny andro fahafito ny kongonina, ka hitany fa tsy nanitatra teo amin' ny hoditra ny aretina, ary tsy lalina noho ny hoditra no fijeriny azy, dia hataon' ny mpisorona hoe madio izy; ary hanasa ny fitafiany izy, dia hadio. **35** Fa raha nanitatra teo amin' ny hoditra mihitsy ny aretina, rehefa natao hoe madio izy, **36** dia hozahan' ny mpisorona izy, ka raha nitany fa nanitatra teo amin' ny hoditra ny aretina, dia tsy hitady ny volo tomamotamo intsony ny mpisorona; efa maloto izy. **37** Nefa raha hitany fa tsy mitombo ny aretina, ka misy volo mainty maniry eo, dia sitrana ny kongonina, ka madio izy; ary hataon' ny mpisorona hoe madio. **38** Ary raha misy lehilahy na vehivavy misy mifaritra mangirana eo amin' ny hoditry ny nofony, dia mifaritra fotsy mangirana, **39** ary zahan' ny mpisorona, ka hitany fa misy mifaritra fotsy eo amin' ny hoditry ny nofony mangirana, nefa matromatroka, dia aretina mamentimpetina fotsy mipoipoitra eo amin' ny hoditra izany, madio izany. **40** Ary ny amin' ny lehilahy mihintsam-bolon-doha, dia sola ihany izy ka madio. **41** Ary raha mihintsana ny volony eo ambonin' ny handriny, dia mazavaray ihany izy ka madio. **42** Fa raha misy aretina tera-mena sady fotsy, na eo amin' ny loha sola, na eo amin' ny mazavaray, dia boka mipoipoitra amin' ny loha sola, na amin' ny mazavaray izany **43** Ary raha zahan' ny mpisorona izy ka hitany fa tera-mena somary fotsy no famontsin' ny aretina eo amin' ny loha sola, na eo amin' ny mazavaray, tahaka ny fisehon' ny habokana eo amin' ny hoditry ny nofo, **44** dia lehilahy boka izy ka maloto; hataon' ny mpisorona hoe maloto tokoa izy: eo amin' ny lohany ny aretina. **45** Ary ny amin' izay efa boka mihitsy, dia lamba triatra no ho fitafiany, ary hirakaraka ny volony, dia hisarom-bava izy sady hiantsoantso hoe: Maloto e! maloto e! **46** Amin' ny andro rehetra izay hahararіany amin' izany aretina izany dia haloto izy; eny, maloto izy, dia hitoetra mitokana, ka eny ivelan' ny toby no itoerany. **47** Amin' ny fitafiana izay misy

habokana, na fitafiana volon' ondry, na fitafiana rongony, **48** sy izay ho an' ny tenany, na izay ho fahany, na rongony, na volon' ondry, ary ny hoditra, na izay zavatra natao tamin' ny hoditra, **49** raha maitsomaitso na menamena eo amin' ny fitafiana ny aretina, na eo amin' ny hoditra, na eo amin' izay ho tenany, na izay ho fahany, na eo amin' ny zavatra natao tamin' ny hoditra, dia habokana izany ka haseho amin' ny mpisorona. **50** Ary hozahan' ny mpisorona ny aretina ka hatokana toerana hafitoana ilay zavatra misy azy. **51** Ary raha zahany ny aretina amin' ny andro fahafito, ka nanitatra teo amin' ny fitafiana ny aretina, na teo amin' izay ho tenany, na izay ho fahany, na teo amin' ny zavatra natao tamin' ny hoditra, dia habokana mafy izany, ka dia maloto. **52** Dia hodorana ny fiafiana, na izay ho an' ny tenany, na izay ho fahany, na volon' ondry, na rongony, na izay zavatra natao tamin' ny hoditra, izay misy aretina; fa habokana mafy izany, ka dia hodorana amin' ny afo. **53** Ary raha mizaha azy ny mpisorona, ka hitany fa ny aretina tsy nanitatra teo amin' ny fitafiana, na teo amin' izay ho tenany, na izay ho fahany, na teo amin' ny zavatra natao tamin' ny hoditra, **54** dia hasain' mpisorona hosasana izay misy izany, ary hatokana toerana hafitoana indray izy; **55** ary rehefa voasasa izy, dia hozahan' ny mpisorona indray ny aretina; ka raha hitany fa tsy niova tarehy ny aretina, na dia tsy nanitatra aza, dia maloto izy ka hodoranao amin' ny afo; aretina mafy izany, na amin' ny atiny, na amin' ny ivelany. **56** Fa raha mizaha azy ny mpisorona, ka hitany fa matromatroka ny aretina, rehefa voasasa izy, dia hesorina ho afaka amin' ny fitafiana ny misy izany, na ho afaka amin' ny hoditra, na ho afaka amin' ny tenany, na izay ho fahany. **57** Ary raha mbola misy miseho eo amin' ny fitafiana indray izy, na eo amin' izay ho tenany, na izay ho fahany, na eo amin' ny zavatra natao tamin' ny hoditra, dia aretina mipoipoitra izany, ka hodorana amin' ny afo izay misy izany. **58** Ary ny fitafiana, na izay ho an' ny tenany, na izay ho fahany, na izay zavatra natao tamin' ny hoditra, izay hosasanao, raha afaka taminy ny aretina, dia hosasana fanindroany izy ka hadio. **59** Izany no lalàna ny amin' ny habokana eo amin' ny fitafiana volon' ondry na rongony, na eo amin' izay ho tenany, na izay ho fahany, na eo amin' ny zavatra natao tamin' ny hoditra, hanaovana azy hoe madio, na hanaovana azy hoe maloto.

14 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Izao no lalàna ny amin' ny boka amin' ny andro fanavotana azy: ho entina any amin' ny mpisorona izy; **3** dia hivoaka eny ivelan' ny toby ny mpisorona ka hizaha azy; Ary raha hitany fa sitrana amin' ny habokany ny boka, **4** dia vorona roa velona sady madio sy hazo sedera sy jaky ary hysopa no hasain' ny mpisorona ho an' ilay hodiovina; **5** Ary hasainy hovonoina ny vorona anankiray eo ambonin' ny vilany tany izay misy rano nalaina tamin' ny rano mandeha; **6** Ary halainy ny vorona velona sy ny hazo sedera sy ny jaky ary ny hysopa, dia hatsobony ireo mbamin' ny vorona velona eo amin' ny ran' ny vorona izay novonoina teo ambonin' ny rano nalaina tamin' ny rano mandeha. **7** Dia hofafazany impito ilay hodiovina ho afaka amin' ny habokany ka hataony hoe madio, ary halefany ny vorona velona. **8** Ary ilay hodiovina dia hanasa ny fitafiany sy hanaratra ny volon-dohany rehetra ary handro amin' ny rano, ka hadio izy; ary rehefa faka izany dia hankeo an-toby izy, kanefa hitoetra eo ivelan' ny lainy hafitoana. **9** Ary amin' ny andro fahafito dia hanaratra ny volony rehetra izy, na ny volon-dohany, na ny somony, na ny manja-masony; ny volony rehetra hoharatany avokoa ary hanasa ny fitafiany izy sady handro amin' ny rano, dia hadio izy. **10** Ary amin' ny andro fahavalo dia haka zanak' ondrilahy roa tsy misy kilema izy ary zanak' ondrivavy iray tsy misy kilema izay iray taona ary koba tsara toto telo ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo ho fanatitra hohanina ary diloilo iray loga. **11** Ary ny mpiosorona izay manadio ilay lehilahy hodiovina dia hametraka azy sy ireo zavatra ireo eo anatrehan' i Jehovah, eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana; **12** dia haka ny zanak' ondrilahy iray ny mpisorona ka hanatitra azy ho fanati-panonerana mbamin' ny diloilo iray loga ka hahevahevany ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah. **13** Ary hamono ny zanak' ondrilahy eo amin' ny famonoana ny fanatitra noho ny ota sy ny fanatitra dorana izy, dia eo amin' ny fitoerana masìna; fa ho an' ny mpisorona ny fanatitra noho ny ota, toy ny fanati-panonerana, ho masìna dia masìna izany. **14** Dia hangalan' ny mpisorona ny ran' ny fanati-panonerana, ka hotentenany ny tendron' ny ravin-tsofina ankavanan' ilay hodiovina sy ny ankihiben-tànany ankavanana sy ny ankihiben-tongony ankavanana, **15** ary ny diloilo iray loga dia hangalan' ny mpisorona ka haidiny eo am-pelatanany ankavia; **16** dia hatsoboky ny mpisorona ny fanondrony ankavanana eo amin' ny diloilo izay eo am-pelatanany ankavia ka hafafiny impito eo anatrehan' i Jehovah. **17** ary ny diloilo sisa eo am-pelatanany dia hanentenan' ny mpisorona ny tendron' ny ravin-tsofina ankavanan' ilay hodiovina sy ny ankihiben-tànany ankavanana ary ny ankihiben-tongony ankavanana eo amin' ilay nasiana ny ran' ny fanati-panonerana; **18** ary ny diloilo mbola sisa eo ampela-tànan' ny mpisorona dia hataony amin' ny lohan' ilay hodiovina; ary hanao fanavotana ho azy eo anatrehan' i Jehovah ny mpisorona. **19** Ary ny mpisorona dia hanatitra ny fanatiny noho ny ota ka hanao fanavotana ho an' ilay hodiovina hahafahany amin' ny fahalotoany; ary rehefa afaka izany, dia hamono ny fanatitra dorana izy; **20** ary ny mpisorona dia hanatitra ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hohanina eo ambonin' ny alitara ka hanao fanavotana ho an' ilay olona hodiovina, dia hadio izy. **21** Fa raha malahelo kosa izy, ka tsy tratry ny ananany izany, dia hitondra zanak' ondry iray hatao fanati-panonerana havehaveva izy, hanaovana fanavotana ho azy, ary koba tsara toto iray ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo hatao fanatitra hohanina sy diloilo iray loga **22** ary domohina roa, na zana-boromailala roa, araka izay tratry ny ananany, ka ny anankiray hatao fanatitra noho ny ota, ary ny anankiray hatao fanatitra dorana. **23** Dia ho eniny any amin' ny mpisorona ireo amin' ny andro fahavalon' ny fanadiovana azy, ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana eo anatrehan' i Jehovah. **24** Dia horaisin' ny mpisorona ny zanak' ondrilahy izay hatao fanati-panonerana sy ny

diloilo iray loga ka hahevahevany ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah. **25** Dia hovonoina ny zanak' ondry izay hatao fanati-panonerana, dia hangalan' ny mpisorona ny ran' ny fanati-panonerana, ka hotentenany ny tendron' ny ravin-tsofina ankavanan' ilay hodiovina sy ny ankihiben-tànany ankavanana ary ny ankihiben-tongony ankavanana; **26** ary hangalan' ny mpisorona ny diloilo ka haidiny eo ampela-tànany ankavia; **27** dia hangalan' ny mpisorona amin' ny fanondrony ankavanana ny diloilo izay eo ampela-tànany ankavia, ka hafafiny impito eo anatrehan' i Jehovah; **28** dia hotentenan' ny mpisorona amin' ny diloilo izay eo an-tànany ny tendron' ny ravin-tsofina ankavanan' ilay hodiovina sy ny ankihiben-tànany ankavanana sy ny ankihiben-tongony ankavanana, eo amin' ilay nasiana ny ran' ny fanati-panonerana; **29** ary ny diloilo sisa eo ampela-tànan' ny mpisorona dia hataony amin' ny lohan' ilay hodiovina hanaovana fanavotana ho azy eo anatrehan' i Jehovah. **30** Dia hateriny koa ny domohina anankiray, na ny zana-boromailala anankiray, araka izay tratry ny ananany, **31** dia ny anankiray hatao fanatitra noho ny ota, ary ny anankiray kosa hatao fanatitra dorana, mbamin' ny fanatitra hohanina; ary ny mpisorona dia hanao fanavotana ho an' ilay hodiovina eo anatrehan' i Jehovah. **32** Izany no lalàna ny amin' ny boka, raha tsy tratry ny ananany izay hanadiovana azy. **33** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **34** Rehefa tonga any amin' ny tany Kanana izay omeko ho taninareo ianareo, ka misy trano hasiako habokana amin' ny tany fanananareo, **35** dia handeha ny tompon-trano ka hilaza amin' ny mpisorona hoe: Toa misy aretina miseho ao amin' ny tranoko. **36** Dia hasain' ny mpisorona hesorina aloha ny entana ao an-trano mandra-pihaviny hizaha ny aretina, mba tsy hahalotoan' ny zavatra rehetra ao an-trano; ary rehefa vita izany, dia ho avy ny mpisorona hizaha ny trano; **37** ary raha zahany ny aretina, ka hitany fa mihady eo amin' ny rindrin' ny trano izy ka maitsomaitso na menamena, ary milentika eo amin' ny rindrin-trano no fijeriny azy, **38** dia hivoaka ho eo am-baravarana ny mpisorona ka hanidy ny trano tsy hivoha hafitoana. **39** Ary hiverina ny mpisorona amin' ny andro fahafito, ary raha zahany ny aretina, ka hitany fa nanitatra teo amin' ny rindrin' ny trano izy, **40** dia hasain' ny mpisorona hesorina ny vato izay misy azy ka hariana amin' izay fitoerana maloto eo ivelan' ny tanàna; **41** dia hasainy hokikisana ny ati-trano rehetra, ary ny kikiny dia harian' ny olona amin' izay fitoerana maloto eny ivelan' ny tanàna. **42** Ary dia haka vato hafa kosa ny olona, ka hasolony ny vato teo; ary haka feta koa izy ka handalotra ny trano. **43** Fa raha tàhiny miseho indray ny aretina ka mifaripariparitra eo amin' ny trano, rehefa voaisotra ny vato, ary rehefa voakiky sady voalalotra ny trano, **44** ary tonga ny mpisorona ka mizaha, ary hitany fa nanitatra teo amin' ny trano ny aretina, dia habokana mafy eo amin' ny trano izany, ka dia maloto izy. **45** Ary horavana ny trano, dia ny vato sy ny hazo ary ny lalotra rehetra, ka ho entina ho amin' izay fitoerana maloto eny ivelan' ny tanàna. **46** Ary izay miditra ao amin' izany trano izany amin' ny andro rehetra izay hihidiany dia haloto mandra-paharivan' ny andro; **47** ary izay mandry ao dia hanasa ny fitafiany; ary izay mihinana ao dia hanasa ny fitafiany koa. **48** Kanefa kosa raha tonga ny mpisorona ka mizaha azy, ary hitany fa tsy nanitatra teo amin' ny trano ny aretina, rehefa voalalotra ny trano, dia hataon' ny mpisorona hoe madio ny trano, satria efa afaka ny aretina. **49** Ary haka vorona roa sy hazo sedera sy jaky ary hysopa izy hanadiovana ny trano. **50** Dia hovonoiny eo ambonin' ny vilany tany izay misy rano nalaina tamin' ny rano mandeha ny vorona anankiray; **51** dia horaisiny ny hazo sedera sy ny hysopa sy ny jaky ary ny vorona velona, ka hatsobony eo amin' ny ran' ny vorona izay novonoina sy eo amin' ny rano nalaina tamin' ny rano mandeha, dia hamafazany ny trano impito. **52** Dia hanadio ny trano amin' ny ran' ny vorona izy sy amin' ny rano nalaina tamin' ny rano mandeha sy amin' ny vorona velona sy amin' ny hazo sedera sy amin' ny hysopa ary amin' ny jaky. **53** Fa hasainy ho entina eny ivelan' ny tanàna ny vorona velona ka halefa; dia hanao fanavotana ho an' ny trano izy, ka dia hadio izany. **54** Izany no lalàna ny amin' ny habokana rehetra sy ny kongonina, **55** ary amin' ny habokana amin' ny fitafiana sy amin' ny trano, **56** ary ny amin' ny mamontsina sy ny manako-pery ary ny mifaritra fotsy mangirana, **57** hampianatra hahalalana ny andro hahadiovana sy ny andro hahalotoana. Izany no lalàna ny amin' ny habokana.

15 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Ny lehilahy rehetra izay marary mitsika dia haloto noho ny fitsihany. **3** Ary izao no ho fahalotoany, raha marary mitsika izy: na mandeha ny fitsihany, na tsy mandeha, dia samy fahalotoana ihany izany. **4** Maloto ny fandriana rehetra izay andrian' ny marary mitsika; ary maloto ny zavatra rehetra izay ipetrahany. **5** Ary izay rehetra mikasika ny fandriany, dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **6** Ary izay mipetraka amin' ny zavatra izay efa nipetrahan' ny marary mitsika dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **7** Ary izay mikasika ny tenan' ny marary mitsika dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **8** Ary raha misy olona madio voaroran' ny marary mitsika, dia hanasa fitafiana izy sy handro amin' ny rano ary haloto mandra-paharivan' ny andro **9** Ary haloto ny lasely rehetra izay itaingenan' ny marary mitsika. **10** Ary izay rehetra mikasika izay zavatra teo ambaniny dia haloto mandra-paharivan' ny andro; ary izay mitondra izany zavatra izany dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **11** Ary izay rehetra voakasiky ny marary mitsika, kanefa ilay marary tsy mbola nanasa ny tànany tamin' ny rano, dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **12** Ary hovakivakina ny vilany tany izay voakasiky ny marary mitsika; ary hosasana amin' ny rano kosa ny fanaka hazo rehetra. **13** Ary raha sitrana amin' ny fitsihany ny marary mitsika, dia hiandry hafitoana ny amin' ny fanadiovana azy izy; ary hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano mandeha

izy, dia hadio. **14** Ary amin' ny andro fahavalo dia hitondra domohina roa na zana-boromailala roa izy ka hankeo anatrehan' i Jehovah, eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, dia hanolotra ireo ho amin' ny mpisorona izy. **15** Dia haterin' ny mpisorona ireo, ny anankiray hatao fanatitra noho ny ota, ary ny anankiray kosa hatao fanatitra odorana; dia hanao fanavotana ho azy eo anatrehan' i Jehovah ny mpisorona noho ny fitsihany. **16** Ary raha miala amin' ny lehilahy ny azy, dia hanasa ny tenany rehetra amin' ny rano izy ary haloto mandra-paharivan' ny andro; **17** ary hosasana amin' ny rano ny fitafiany rehetra sy ny hoditra rehetra, izay nilatsahan' ny azy; dia haloto mandra-paharivan' ny andro izany. **18** Ny vehivavy izay andrian-dehilahy koa, dia samy handro amin' ny rano izy roroa ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **19** Ary raha misy vehivavy mararin' ny fadim-bolany, dia haloto hafitoana izy; ary izay rehetra mikasika azy dia haloto mandra-paharivan' ny andro. **20** Ary ny zavatra rehetra izay andriany amin' ny andro fahalotoany dia haloto koa; ary ny zavatra rehetra izay ipetrahany dia haloto koa. **21** Ary izay rehetra mikasika ny fandriany dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **22** Ary izay rehetra mikasika ny zavatra izay efa nipetrahany dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **23** Ary raha ao amin' ny fandriana izany, na ao amin' ny zavatra izay efa nipetrahany, raha nikasika izany izy, dia haloto mandra-paharivan' ny andro. **24** Ary raha misy lehilahy mandry amin-dravehivavy, ary mankeo aminy ny fadim-bolany, dia haloto hafitoana izy, ary izay rehetra andriany dia haloto koa. **25** Ary raha misy vehivavy marary mitsi-drà ela, na dia tsy amin' ny andro fahalotoany amin' ny fadim-bolany aza, na raha misy mararin' ny fadim-bolana ka mandeha mihoatra noho ny fihaviny, dia haloto izy amin' ny andron' ny fahamariany rehetra, tahaka ny amin' ny andro fahalotoany ihany. **26** Ny fandriana rehetra andriany amin' ny andron' ny fahalotoany rehetra dia hataony tahaka ny fandriana nandriany tamin' ny andro fahalotoany; ary izay rehetra ipetrahany dia haloto koa tahaka ny fahalotoany amin' ny fadim-bolany. **27** Ary izay rehetra mikasika izany zavatra izany dia haloto; ary hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano izy ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **28** Fa raha sitrana amin' ny fahamariany ravehivavy, dia hiandry hafitoana izy, ary rehefa afaka izany, dia hadio izy. **29** Ary amin' ny andro fahavalo dia haka domohina roa na zana-boromailala roa ho azy izy ka hitondra ireo ho eo amin' ny mpisorona, eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana. **30** Dia haterin' ny mpisorona ny anankiray hatao fanatitra noho ny ota ary ny anankiray hatao fanatitra odorana; dia hanao fanavotana ho an-dravehivavy eo anatrehan' i Jehovah ny mpisorona noho ny fahamariany izay nahaloto azy. **31** Dia hampisarahinareo amin' ny fahalotoany ny Zanak' Isiraely, tsy handotoany ny tabernakeliko izay eo aminy, ka tsy hahafaty azy ny fahalotoany. **32** Izany no lalàna ny amin' ny marary mitsika, sy ny amin' izay ialan' ny azy, ka mahaloto azy izany, **33** ary ny amin' ny mararin' ny fadim-bolany, ary ny amin' ny marary mitsika, na lehilahy na vehivavy, ary ny amin' izay mandry amin' ny vehivavy maloto.

16 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy, rehefa maty izy roa lahy zanak' i Arona, tamin' izy nanatona teo anatrehan' i Jehovah ka maty; **2** dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Lazao amin' i Arona rahalahinao mba tsy hiditra mandrakariva ao amin' ny fitoerana masìna izy; dia ao anatin' ny efitra lamba, eo anoloan' ny rakotra fanaovam-panavotana, izay eo ambonin' ny fiara, mba tsy hahafaty azy; fa hiseho eo amin' ny rahona eo ambonin' ny rakotra fanaovam-panatovana Aho. **3** Ary izao no ho entin' i Arona, raha miditra ao amin' ny fitoerana masìna izy: vantotr' ombilahy iray hatao fanatitra noho ny ota sy ondrilahy iray hatao fanatitra dorana. **4** Akanjo lava masìna rongony fotsy no hiakanjoany, ary kalisaona rongony fotsy no hataony manolo-koditra, ary fehin-kibo rongony fotsy no hifehezany, ary hamama rongony fotsy no hisatrohany: fitafiana masìna ireo, ka handro amin' ny rano izy vao hiakanjo azy. **5** Ary ny fiangonan' ny Zanak' Isiraely, dia handraisany osilahy roa hatao fanatitra noho ny ota sy ondrilahy izay hatao fanatitra dorana. **6** Dia hampanatonin' i Arona ny vantotr' ombilahy izay hatao fanatitra noho ny ota ho an' ny tenany, ka dia hanao fanavotana ho an' ny tenany sy ny ankohonany izy. **7** Ary dia halainy koa ny osilahy roa ka hapetrany eo anatrehan' i Jehovah, eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana. **8** Dia hanaovan' i Arona filokana ny osilahy roa: ny loka anankiray ho an' i Jehovah, ary ny loka anankiray ho an' i Azazela. **9** Ary hampanatonin' i Arona ny osilahy izay niharan' ny filokana ho an' i Jehovah ka hataony fanatitra noho ny ota. **10** Fa ny osilahy izay niharan' ny filokana ho an' i Azazela kosa dia hapetraka velona eo anatrehan' i Jehovah hanaovana fanavotana ho azy, mba handefasana azy hankany an-efitra ho an' i Azazela. **11** Ary hampanatonin' i Arona ny vantotr' ombilahy, izay hatao fanatitra noho ny ota ho an' ny tenany, ka dia hanao fanavotana ho azy sy ny ankohonany izy, dia hovonoiny ny vantotr' ombilahy, izay hatao fanatitra noho ny ota ho an' ny tenany. **12** Dia haka vain' afo eran' ny fitondran' afo avy amin' ny alitara eo anatrehan' i Jehovah izy, ary ditin-kazo mani-pofona voatorotoro madinika eran-tanan-droa, ka ho entiny miditra ao anatin' ny efitra lamba. **13** Ary hataony eo amin' ny afo eo anatrehan' i Jehovah ny ditin-kazo, ka hosaronan' ny setroky ny ditin-kazo ny rakotra fanaovan-panavotana, izay eo ambonin' ny Vavolombelona, mba tsy hahafaty azy. **14** Dia hangalany ny ran' ny vantotr' ombilahy ka hafafin' ny fanondrony amin' ny rakotra fanaovam-panavotana eo amin' ny lafiny atsinanana; ary ny eo anoloan' ny rakotra fanaovam-panavotana koa dia hofafazany ny rà impito amin' ny fanondrony. **15** Dia hovonoiny ny osilahy izay hatao fanatitra noho ny ota ho an' ny olona, ka ho entiny miditra ao anatin' ny efitra lamba ny ràny, dia hataony tahaka ny efa nataony tamin' ny ran' ny vantotr' ombilahy ihany ka hafafiny eo amin' ny rakotra fanaovam-panavotana sy eo anoloany. **16** Dia hanao fanavotana ho an' ny fitoerana masìna izy noho ny fahalotoan' ny Zanak' Isiraely sy ny fahadisoany,

dia ny fahotany rehetra; ary toy izany koa no hataony ho an' ny trano-lay fihaonana, izay mitoetra eo aminy, eo afovoan' ny fahalotoany. **17** Ary aza avela hisy olona ao amin' ny trano-lay fihaonana, raha miditra hanao fanavotana ao amin' ny fitoerana masìna Arona mandra-pivoakany avy nanao fanavotana ho an' ny tenany sy ny ankohonany ary ho an' ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra. **18** Dia hivoaka ho eo amin' ny alitara eo anatrehan' i Jehovah izy ka hanao fanavotana ho an' ny alitara; dia hangalany ny ran' ny vantotr' ombilahy sy ny ran' ny osilahy ka hatentiny amin' ny tandroky ny alitara eo amin' ny zorony efatra. **19** Dia hofafazany ny rà impito amin' ny fanondrony izy ka hodioviny sy hohamasininy ho afaka amin' ny fahalotoan' ny Zanak' Isiraely. **20** Ary rehefa vitany ny fanavotana ho an' ny fitoerana masìna sy ny trano-lay fihaonana ary ny alitara, dia hampanatoniny ny osilahy velona. **21** Dia hapetrak' i Arona amin' ny lohan' ny osilahy velona ny tànany roa, ka hekeny eo amboniny ny heloky ny Zanak' Isiraely rehetra sy ny fahadisoany rehetra, dia ny fahotany rehetra; dia hametraka izany eo amin' ny lohan' ny osilahy izy ka hampandeha azy ho entin' ny lehilahy voatendry hankany an-efitra. **22** Ary ho entin' ny osilahy ho any an-efitra ny helok' izy rehetra; dia halefany any ny osilahy. **23** Dia hiditra ao amin' ny trano-lay fihaonana Arona, ary hanala ny fitafiany rongony fotsy, izay niakanjoany raha niditra ao amin' ny fitoerana masìna izy, ka hamela azy ao. **24** Dia handro amin' ny rano eo amin' izay fitoerana masìna izy ka hitafy ny fitafiany; dia hivoaka izy ka hanatitra ny fanatitra dorana ho an' ny tenany sy ny fanatitra dorana ho an' ny olona ka hanao fanavotana ho an' ny tenany sy ny olona. **25** Ary ny saboran' ny fanatitra noho ny ota dia hodorany ho fofona eo ambonin' ny alitara. **26** Ary ilay mandefa ny osilahy ho an' i Azazela dia hanasa fitafiana ka handro amin' ny rano, vao mahazo mankeo an-toby. **27** Ary ny vantotr' ombilahy natao fanatitra noho ny ota sy ny osilahy natao fanatitra noho ny ota, izay efa nampidirina tao amin' ny fitoerana masìna ny ràny hatao fanavotana, dia ho entina mivoaka ho eny ivelan' ny amin' ny afo ny hodiny sy ny henany ary ny toby; ary hodorana tain-drorohany. **28** Ary izay mandoro ireo dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano, vao mahazo mankeo an-toby. **29** Ary izao no ho lalàna mandrakizay ho anareo: amin' ny andro fahafolo amin' ny volana fahafito dia aoka hampahory ny tenanareo ianareo ary tsy hanao raharaha akory, na ny tompon-tany, na ny vahiny eo aminareo. **30** Fa amin' izany andro izany no hanaovana fanavotana ho anareo hanadiovana anareo, ka dia hadio ho afaka amin' ny fahotanareo rehetra eo anatrehan' i Jehovah ianareo **31** Ho tena andro fitsaharana ho anareo izany, ka hampahory ny tenanareo ianareo: ho lalàna mandrakizay izany. **32** Ary ny mpisorona, izay hohosorana sy hatokana ho mpisorona hisolo ny rainy, dia hanao fanavotana; ary hitafy ny fitafiana rongony fotsy izy, dia ny fitafiana masìna. **33** Dia hanao fanavotana ho an' ny fitoerana masìna izy sy ho an' ny trano-lay fihaonana sy ny alitara sy ny mpisorona ary ny olona rehetra amin' ny fiangonana. **34** Ary ho lalàna mandrakizay ho anareo izany, hanaovana fanavotana ho an' ny Zanak' Isiraely indray mandeha isan-taona hahafahany amin' ny fahotany rehetra. Dia nataon' i Arona araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy.

17 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' i Arona sy ny zanany ary ny Zanak' Isiraely rehetra hoe: Izao no nandidian' i Jehovah: **3** Na iza na iza amin' ny taranak' Isiraely no mamono omby, na zanak' ondry, na osy, na eo an-toby, na any ivelan' ny toby, **4** ka tsy mitondra azy ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, hanaterana azy ho fanatitra ho an' i Jehovah eo anoloan' ny tabernakelin' i Jehovah, dia ho meloka noho ny rà nalatsany izany olona izany, ka hofongorana tsy ho amin' ny fireneny izy, **5** mba ho entin' ny Zanak' isiraely ho an' i Jehovah eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, ho amin' ny mpisorona, ny zavatra vonoiny ho fanatitra, izay famonony tany an-tsaha; ary dia hateriny ho fanati-pihavanana ho an' i Jehovah izany. **6** Ary ny mpisorona hanopy ny rà amin' ny alitaran' i Jehovah eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana ka handoro ny saborany ho fofona ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **7** Ary tsy hateriny intsony ny fanatiny ho an' ny Seïrima izay nijangajangany. Ho lalàna mandrakizay hatramin' ny taranany fara mandimby izany. **8** Ary lazao aminy hoe: Na iza na iza amin' ny taranak' Isiraely, na amin' ny vahiny eo aminareo, no manatitra fanatitra dorana, na fanatitra hafa alatsa-drà, **9** ka tsy mitondra azy ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana hanatitra azy ho an' i Jehovah, dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **10** Ary na iza na iza amin' ny taranak' Isiraely, na amin' ny vahiny eo aminareo, no mihinan-drà, ny Tavako dia hanandrina ny olona izay mihinan-drà, ka hofongorana tsy ho amin' ny fireneny izy. **11** Fa ny ain' ny nofo dia amin' ny rà; ary nomeko anareo izany hatao ambonin' ny alitara hanao fanavotana ho an' ny ainareo, fa ny rà no manao fanavotana, satria aina izany. **12** Koa izany no nilazako tamin' ny Zanak' Isiraely hoe: Aza misy mihinan-drà, na ianareo, na ny vahiny eo aminareo. **13** Na iza na iza amin' ny Zanak' Isiraely, na amin' ny vahiny eo aminy, no mihaza ka mahazo biby na vorona izay fihinana, dia haidiny amin' ny tany ny ràny ka hototofany; **14** fa ny amin' ny amin' ny nofo rehetra, dia ny ràny no ainy; koa izany no nilazako tamin' ny Zanak' Isiraely hoe: Aza mihinana ny ran' ny nofo; fa ny ràny no ain' ny nofo rehetra, ka izay rehetra mihinana azy dia haringana. **15** Ary ny olona rehetra, na tompon-tany, na vahiny, izay mihinana izay maty ho azy, na izay noviraviraim-biby, dia hanasa fitafiana sy handro amin' ny rano, ary haloto mandra-paharivan' ny andro izy, vao hadio. **16** Fa raha tsy manasa fitafiana sy mandro izy, dia ho meloka.

18 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo: **3** Aza manao araka ny fanaon' ny tany Egypta, izay nonenanareo; ary aza manao araka ny fanaon' ny tany Kanana, izay ampidirako anareo, ary aza manaraka ny fombany. **4** Ny fitsipiko no harahinareo, ary ny didiko no hotandremanareo, hanarahanareo azy:

Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **5** Ary tandremo ny didiko sy ny fitsipiko; fa raha mahatandrina izany ny olona, dia ho velona amin' izany izy: Izaho no Jehovah. **6** Aza misy mila izay havany akaiky handry aminy ianareo: Izaho no Jehovah. **7** Aza mandry amin' izay nandrian' ny rainao; fa reninao izy, ka aza mandry aminy. **8** Aza mandry amin' ny renikelinao; fa nandrian' ny rainao izy. **9** Aza mandry amin' ny anabavinao, zanaky ny rainao, na zanaky ny reninao, na teraka tao an-trano, na teraka tany ivelany; aza mandry aminy. **10** Aza mandry amin' ny zanakavavin' ny zanakao-lahy, na ny zanakavavin' ny zanakao-vavy; fa avy aminao no nihavian' izy roa. **11** Aza mandry amin' ny zanakavavin' ny renikelinao, izay teraky ny rainao; fa anabavinao izy; aza mandry aminy. **12** Aza mandry amin' ny anabavin-drainao; fa havan-drainao akaiky izy. **13** Aza mandry amin' ny rahavavin-dreninao; fa havan-dreninao akaiky izy. **14** Aza mandry amin' izay nandrian' ny rahalahin-drainao; aza mila ny vadiny fa vadin' ny rahalahin-drainao izy. **15** Aza mandry amin' ny vinantovavinao; fa vadin' ny zanakao-lahy izy, koa aza mandry aminy. **16** Aza mandry amin' ny vadin-drahalahinao; fa nandrian' ny rahalahinao izy. **17** Aza mandry amin' ny vehivavy sy ny zananivavy; aza maka ny zanakavavin' ny zananilahy, na ny zanakavavin' ny zananivavy, handry aminy; havany akaiky ireo, ka fahavetavetana izany. **18** Ary aza mampakatra vehivavy ho rafin' ny rahavaviny izay mbola velona. **19** Ary aza mila vehivavy mararin' ny fadim-bolany handry aminy. **20** Ary aza mandry amin' ny vadin' ny namanao, handoto ny tenanao aminy. **21** Ary aza misy ampandehaninao hamaky ny afo ho an' i Moloka ny zanakao; ary aza manamavo ny anaran' Andriamanitrao: Izaho no Jehovah. **22** Aza mandry amin' ny lehilahy tahaka ny fandry amin' ny vehivavy; fa fahavetavetana izany. **23** Ary aza mandry amin' ny biby handoto ny tenanao aminy; ary aoka tsy hisy vehivavy hety handrian' ny biby; fa zavatra fady indrindra izany. **24** Aza mandoto ny tenanareo amin' izany zavatra izany akory; fa izany rehetra izany no nandotoan' ny jentilisa ny tenany, izay efa horoahiko eo anoloanareo. **25** Ary efa maloto ny tany, ka dia hamaly azy Aho noho ny helony, ary haloan' ny tany ny mponina eo. **26** Fa mitandrema ny didiko sy ny fitsipiko ianareo, ka aza misy ataonareo izany fahavetavetana izany, na ny tompon-tany, na ny vahiny eo aminareo **27** (fa izany fahavetavetana rehetra izany no nataon' ny tompon-tany izay talohanareo, ka dia naloto ny tany), **28** mba tsy handotoanareo ny tany ka tsy handoavany anareo, tahaka ny nandoavany ny firenena izay talohanareo. **29** Fa izay rehetra manao izany fahavetavetana izany na dia iray aza dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **30** Koa dia tandremo izay asaiko tandremana, mba tsy hisy hataonareo akory izany fanao vetaveta izany, izay nataon' ny olona talohanareo, ka aza mandoto ny tenanareo amin' izany: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo.

19 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, hoe: Aoka ho masìna ianareo, satria masìna Aho, Jehovah Andriamanitrareo. **3** Samia matahotra ny reninareo sy ny rainareo, ary tandremo ny Sabatako: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **4** Aza mivily hanaraka ny andriamani-tsi-izy, ary aza manao andriamanitra an-idina ho anareo: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **5** Ary raha mamono zavatra hatao fanati-pihavanana ho an' i Jehovah ianareo, dia ataovy amin' izay hankasitrahana anareo izany. **6** Amin' izay andro amonoanareo zavatra hatao fanatitra sy amin' ny ampitson' ny no hihinananareo azy; fa raha mbola misy sisa tratry ny andro fahatelo, dia hodorana amin' ny afo izany. **7** Ary raha hanina amin' ny andro fahatelo izany, dia ho fahavetavetana ka tsy hankasitrahana; **8** fa izay mihinana izany dia ho meloka, satria nanamavo ny zava-masin' i Jehovah izy, ka dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny izany olona izany. **9** Ary raha mijinja ny vokatry ny tanimbarinareo ianareo, dia aza jinjana avokoa ny eny an-tsisiny; ary aza tsimponina izay latsaka avy amin' ny vokatrao. **10** Ary aza otazana avokoa ny eo amin' ny sahanao, ary aza tsimponina izay latsaka eo amin' ny sahanao; fa avelao ho an' ny malahelo sy ny vahiny izany: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **11** Aza mangalatra, aza mamitaka, aza mifandainga. **12** Aza mianian-tsy tò amin' ny anarako, na manamavo ny anaran' Andriamanitrao: Izaho no Jehovah. **13** Aza manao an-keriny amin' ny zavatry ny namanao na mampahory azy; ny karaman' izay nokaramainao aoka tsy hitoetra ao aminao miloaka alina. **14** Aza miteny ratsy ny marenina na manisy zavatra mahatafintohina eo anoloan' ny jamba; fa matahora an' Andriamanitrao: Izaho no Jehovah. **15** Aza manao izay tsy marina amin' ny fitsarana; aza miandany foana amin' ny malahelo, na mena-maso ny lehibe; fahamarinana no hitsaranao ny namanao. **16** Aza mandehandeha manaratsy eo amin' ny firenenao; aza mitsangana handatsaka ny ran' ny namanao: Izaho no Jehovah. **17** Aza mankahala ny rahalahinao amin' ny fonao; mananara dia mananara ny namanao, mba tsy hahazoanao heloka noho ny aminy. **18** Aza mamaly ratsy na manao lolompo amin' izay iray firenena aminao: fa tiava ny namanao tahaka ny tenanao: Izaho no Jehovah. **19** Tandremo ny didiko: Aza avela hilomy amin' ny hafa karazana noho izy ny biby fiompinao; aza fafazanao voan-javatra roa karazana mifangaroharo ny taninao; ary aza mitafy lamba natao amin' ny zavatra roa samy hafa karazana mifamahofaho. **20** Ary raha misy mandry amin' ny andevovavy izay voafofon' olona ho vadiny, ka tsy voavotra na voavotsotra ho olom-potsy ravehivavy, dia hofaizana izy roroa, fa tsy hatao maty, satria tsy olompotsy ravehivavy. **21** Ary ho entin-dralehilahy ny fanati-panonerany ho an' i Jehovah ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, dia ondrilahy iray hatao fanati-panonerana; **22** ary ny mpisorona hanao fanavotana ho azy amin' ilay ondrilahy hatao fanati-panonerana, eo anatrehan' i Jehovah, noho ny fahotana izay nataony; dia havela izany fahotany izany. **23** Ary raha tonga any amin' ny tany ianareo ka mamboly hazo fihinam-boa, dia hataonareo ho toy ny tsy voafora ny voany; telo taona no hataonareo ho toy ny tsy voafora izy ka tsy hohanina; **24** ary amin' ny taona fahefatra dia ho masìna ny voany

rehetra ka hatao fanatitra hiderana an' i Jehovah; **25** fa amin' ny taona fahadimy vao hihinana ny voany ianareo, mba hitomboan' ny fahavokarany ho anareo: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **26** Aza homana zavatra misy rà; aza manao sikidy na manandro. **27** Aza manety ny sisim-bolon-dohanareo, ary aza manaratra ny vaokanao. **28** Ary aza mitetika ny tenanareo noho ny maty, na manao tombo-kavatsa amin' ny tenanareo: Izaho no Jehovah. **29** Aza mampijangajanga ny zanakao-vavy hampahaloto azy, fandrao hijangajanga ny tany ka ho feno fahavetavetana. **30** Tandremo ny Sabatako, ary hajao ny fitoerako masìna: Izaho no Jehovah. **31** Aza mivily hanaraka izay manao azy ho tsindrian-javatra, na mitady saina amin' ny mpanao hatsarana, hahaloto anareo aminy: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **32** Mitsangàna raha eo anatrehan' ny fotsy volo ianao, ka manajà ny tavan' ny anti-panahy, ary matahora an' Andriamanitrao: Izaho no Jehovah. **33** Ary raha misy mivahiny aminao eo amin' ny taninareo, aza manao sarotra aminy. **34** Ny vahiny eo aminareo dia hataonareo tahaka ny tompon-tany aminareo ihany ka ho tianao tahaka ny tenanano; fa efa mba vahiny tany amin' ny tany Egypta ianareo: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **35** Aza manao izay tsy marina amin' ny fitsarana, na amin' ny fandrefesana, na amin' ny fandanjana, na amin' ny famarana. **36** Mizana marina, vato marina, efaha marina, hina marina, no hotananareo: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, Izay nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta. **37** Ary tandremo ny didiko rehetra sy ny fitsipiko rehetra, ka araho izany: Izaho no Jehovah.

20 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Lazao amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Na iza na iza amin' ny Zanak' Isiraely, na amin' ny vahiny eo aminy, no manolotra ny zanany ho an' i Moloka, dia hatao maty tokoa: ny vahoaka no hitora-bato azy. **3** Ary ny Tavako hanandrina izany olona izany, ka hofongorana tsy ho amin' ny fireneny izy, satria nisy natolony ho an' i Moloka ny zanany, handotoany ny fitoerako masìna sy hanamavoany ny anarako masìna. **4** Ary raha mody tsy mahita izany olona izany ny vahoaka mba tsy hahafaty azy, raha anolorany ho an' i Moloka ny zanany, **5** dia hanandrina izany olona izany sy ny ankohonany ny Tavako, ka haringako tsy ho amin' ny fireneny izy mbamin' izay rehetra mijangajanga manaraka azy hijangajanga amin' i Moloka. **6** Ary ny olona izay mivily hanaraka izay manao azy ho tsindrian-javatra na izay mpanao hatsarana, hijangajanga hanaraka azy, dia hanandrina izany olona izany ny Tavako, ka hofongorako tsy ho amin' ny fireneny izy. **7** Dia manamasìna ny tenanareo ianareo, ka aoka ho masìna ianareo; fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **8** Ary tandremo ny didiko, ka araho izany: Izaho no Jehovah, Izay manamasìna anareo. **9** Fa na iza na iza no manozona ny rainy na ny reniny dia hatao maty tokoa: efa nanozona ny rainy na ny reniny izy; ny ràny dia ho aminy ihany. **10** Ary ny lehilahy mijangajanga amin' ny vadin' olona, dia izay mijangajanga amin' ny vadin' ny namany, hatao maty tokoa, na ny mila, na ny ilainy. **11** Ary ny olona izay mandry amin' ny vadin-drainy dia efa nandry tamin' izay nandrian-drainy; hatao maty tokoa izy roroa; ny ràny dia ho aminy ihany. **12** Ary raha misy lehilahy mandry amin' ny vinantovaviny, dia hatao maty tokoa izy roroa; efa nanao zavatra izay fady indrindra izy; ny ràny dia ho aminy ihany. **13** Ary raha misy lehilahy mandry amin' ny lehilahy, tahaka ny fandry amin' ny vehivavy, dia efa nanao fahavetavetana izy roa lahy; hatao maty tokoa izy; ny ràny dia ho aminy ihany. **14** Ary raha misy lehilahy nampirafy vehivavy mianaka, dia fahavetavetana izany; hodorana amin' ny afo izy telo, mba tsy hisy fahavetavetana eo aminareo. **15** Ary raha misy lehilahy mandry amin' ny biby, dia hatao maty tokoa izy; ary ilay biby dia hovonoinareo koa. **16** Ary raha misy vehivavy manatona handry amin' ny biby, dia, hovonoina izy sy ny biby; hatao maty tokoa izy roroa; ny ràny dia ho aminy ihany. **17** Ary raha misy lehilahy manambady ny anabaviny, na zanakavavin' ny rainy, na zanakavavin' ny reniny, ka mahita ny fitanjahany, ary ravehivavy mahita ny fitanjahany kosa, dia zava-dratsy izany, ka hofongorana eo imason' ny fireneny izy roroa; fa nandry tamin' ny anabaviny ralehilahy ka meloka. **18** Ary raha misy lehilahy mandry amin' ny vehivavy izay mararin' ny fadim-bolany, dia nampisokatra ny fandehanan' ny ràny izy, ary ravehivavy koa nanokatra ny fandehanan' ny ràny, dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny izy roroa. **19** Ary aza mandry amin' ny rahavavin-dreninao, na amin' ny anabavin-drainao; fa mandry amin' ny havany akaiky izay manao izany ka ho meloka. **20** Ary raha misy lehilahy mandry amin' ny vadin' ny rahalahin-drainy, dia efa nandry tamin' izay nandrian' ny rahalahin-drainy izy ho meloka izy roroa ka ho faty momba. **21** Ary raha misy lehilahy maka ny vadin-drahalahiny, dia fahalotoana izany; nandry tamin' izay nandrian' ny rahalahiny izy, ka ho momba izy roroa. **22** Ary tandremo ny didiko rehetra sy ny fitsipiko rehetra, ka araho izy, mba tsy handoa anareo ny tany izay itondrako anareo honenana. **23** Ary aza manaraka ny fanaon' ny firenena izay efa horoahiko eo anoloanareo; fa nanao izany rehetra izany izy, ka dia halako. **24** Fa efa nolazaiko taminareo hoe: Hianareo handova ny taniny, fa Izaho no hanome azy ho lovanareo, dia tany tondra-dronono sy tantely: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, Izay nanavaka anareo tamin' ny firenena samy hafa. **25** Ary avaho ny biby madio sy ny maloto, ary ny vorona maloto sy ny madio; ary aza mametaveta ny fanahinareo amin' ny biby, na amin' ny vorona, na amin' izay rehetra mandady na mikisaka amin' ny tany, izay navahako ka nolazaiko taminareo fa maloto. **26** Ary aoka ho masìna ho Ahy ianareo, satria masìna Aho Jehovah; ary efa navahako tamin' ny firenena samy hafa ianareo mba ho Ahy. **27** Ary na lehilahy na vehivavy izay manao azy ho tsindrian-javatra na izay mpanao hatsarana dia hatao maty tokoa: hitora-bato azy ny olona; ny ràny dia ho aminy ihany.

21 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: Mitenena amin' ireo mpisorona, zanak' i Arona, hoe: Aoka ianareo tsy hisy hiditra am-paty eo amin' ny fireneny, **2** afa-tsy amin' ny tahaka ny tenany, dia ny reniny sy ny rainy sy ny zananilahy sy ny zananivavy ary ny rahalahiny; **3** ary

amin' ny fatin' ny anabaviny, izay tahaka ny tenany ihany koa sady tsy mbola manam-bady fa virijina, no ahazoany mandoto ny tenany. **4** Tsy hiditra am-paty hametaveta ny tenany izy, satria andriana eo amin' ny fireneny izy. **5** Tsy hanasola ny lohany izy, na hanaratra ny vaokany, na hitetika ny tenany. **6** Ho masìna ho an' Andriamaniny izy ka tsy hanamavo ny anaran' Andriamaniny; fa mpanatitra ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah izy, dia ny hanin' Andriamaniny, ka dia tokony ho masìna. **7** Aoka tsy hanambady izay vehivavy mpijangajanga ka voaloto izy, ary aoka tsy hanambady vehivavy izay efa nisaoran' ny lahy; fa masìna ho an' Andriamaniny ny mpisorona. **8** Dia hamasino izy, fa ny hanin' Andriamanitrao no ateriny; ho masìna aminao izy, fa masìna Aho Jehovah, Izay manamasìna anareo. **9** Ary raha ny zanakavavin' ny mpisorona mandoto ny tenany amin' ny fijangajangana, dia efa manamavo ny rainy izy ka hodorana amin' ny afo. **10** Ary ny mpisoronabe, izay nalaina tamin' ny rahalahiny, ka nanidinana ny diloilo fanosorana ny lohany, sady natokana hitafy ny fitafiana, dia aoka tsy hirakaraka volo, na handriatra ny fitafiany. **11** Ary aoka tsy hiditra am-paty akory izy, ka tsy handoto ny tenany na dia amin' ny rainy aman-dreniny aza. **12** Ary aoka tsy hivoaka avy amin' ny fitoerana masìna izy, na handoto ny fitoera-masin' Andriamaniny; fa ny diademany, dia ny diloilo fanosoran' Andriamaniny azy, no eo andohany: Izaho no Jehovah. **13** Ary aoka hampakatra izay vehivavy mbola virijina izy. **14** Fa ny maty vady, na ny efa nisaorana, na ny voaloto tamin' ny fijangajangana, dia tsy azony hampakarina, fa virijina avy amin' ny fireneny ihany no hampakariny. **15** Ary aoka tsy hanao izay hahaloto ny taranany eo amin' ny fireneny izy; fa Izaho Jehovah no manamasìna azy. **16** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **17** Mitenena amin' i Arona hoe: Izay rehetra misy kilema amin' ny zanakao, amin' ny taranany hatramin' ny fara mandimby, dia aoka tsy hanakaiky fanatitra ny hanin' Andriamaniny; **18** Fa izay rehetra misy kilema dia tsy mahazo manakaiky hanao izany na ny jamba, na ny mandringa, na ny petaka orona, na ny manana amby, **19** na ny tapa-tongotra, na ny tapa-tanana, **20** na ny vokoka, na ny sahozanina, na ny misy pentimpentina eo amin' ny masony, na ny hatenina, na ny tsingaohina, na ny torotoro vihy. **21** Ny olona rehetra amin' ny zanak' i Arona mpisorona izay misy kilema dia tsy mahazo manakaiky hanatitra ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah; misy kilema izy ka tsy mahazo manakaiky hanatitra ny hanin' Andriamaniny. **22** Ny hanin' Andriamaniny, izay avy amin' ny zavatra masìna indrindra sy ny zavatra masìna, dia azony hanina ihany; **23** kanefa tsy mahazo miditra ao anatin' ny efitra lamba na manakaiky ny alitara izy, satria misy kilema, mba tsy handoto ny fitoerako masìna izy, fa Izaho Jehovah no manamasìna azy. **24** Ary Mosesy dia nilaza izany tamin' i Arona sy ny zanany ary ny Zanak' Isiraely rehetra.

22 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy, ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' i Arona sy ny zanany mba hitandremany ny amin' ny tsy hanakekeny ny zava-masìna izay hamasinin' ny Zanak' Isiraely ho Ahy tsy hanamavoany ny anarako masìna: Izaho no Jehovah. **3** Lazao aminy hoe: Izay rehetra maloto amin' ny zanakareo, hatramin' ny taranakareo fara mandimby, nefa manakaiky ny zava-masìna izay hamasinin' ny Zanak' Isiraely ho an' i Jehovah, dia hofongorana tsy ho eo anatrehako: Izaho no Jehovah. **4** Na iza na iza amin' ny taranak' i Arona no boka na marary mitsika dia tsy hihinana ny zava-masìna mandra-pahadiony. Ary izay rehetra mikasika izay maloto amim-paty, na izay lehilahy nialan' ny azy, **5** na izay mikasika biby mandady na mikisaka izay mahaloto, na lehilahy izay mahaloto, na inona na inona no fahalotoany, **6** ny olona izay mikasika izany dia haloto mandra-paharivan' ny andro ka tsy hihinana amin' ny zava-masìna, raha tsy mandro amin' ny rano. **7** Ary rehefa milentika ny masoandro, dia hadio izy, ka vao izay no mahazo mihinana amin' ny zava-masìna, satria fihinany izany. **8** Izay maty ho azy, na izay noviravirain-biby, dia tsy hohaniny, mba tsy hahaloto azy: Izaho no Jehovah. **9** Ary aoka hitandrina izay nasaiko tandremana izy, fandrao ho meloka noho izany izy ka ho fatin' ny nanamavoany azy: Izaho Jehovah no manamasìna azy. **10** Ary aza avela hisy olon-kafa hihinana zava-masìna; na izay mivahiny ao amin' ny mpisorona, na izay mpikarama, dia samy tsy mahazo mihinana zava-masìna. **11** Fa raha misy olona novidin' ny mpisorona, dia hahazo mihinana amin' izany ihany izy; ary ny ompikeliny hahazo mihinana amin' ny fihinan' ny mpisorona koa. **12** Ary raha misy zanakavavin' ny mpisorona manambady olon-kafa, dia tsy hihinana amin' ny fanatitra avy amin' ny zava-masìna izy. **13** Fa raha misy zanakavavin' ny mpisorona maty vady, na efa nisaorana, ka tsy manan-janaka, ary mody any an-tranon-drainy izy toy ny fony izy mbola kely, dia mahazo mihinana ny fihinan-drainy ihany izy; fa aoka tsy hisy olon-kafa hihinana izany. **14** Ary raha misy olona mihinana tsy nahy amin' ny zava-masìna, dia honerany ny zava-masìna ka homeny ny mpisorona sady hampiany ho tonga avy fahenina: **15** Ary aoka tsy hisy hametaveta ny zava-masin' ny Zanak' Isiraely, izay ateriny ho an' i Jehovah, **16** na hahatonga ota aman-keloka noho ny nihinanany ny zava-masiny; fa Izaho Jehovah no manamasìna azy. **17** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **18** Mitenena amin' i Arona sy ny zanany ary ny zanak' Isiraely rehetra hoe: Na iza na iza amin' ny taranak' Isiraely, na amin' ny vahiny eo amin' ny Isiraely, no manatitra ny fanatiny ho fanatitra hanalany voady na ho fanati-tsitrapony, izay hateriny ho an' i Jehovah ho fanatitra dorana, **19** dia lahy tsy misy kilema no hateriny, na omby izany, na zanak' ondry, na osy, mba hankasitrahana anareo. **20** Izay rehetra misy kilema dia tsy haterinareo; fa tsy hankasitrahana anareo izany. **21** Ary raha misy manatitra fanati-pihavanana ho an' i Jehovah, na ho fanatitra hanalany voady, na ho fanati-tsitrapo, na omby izany, na ondry, na osy, dia ny tsara izay tsy misy kilema na kely akory aza no hateriny mba hankasitrahana azy. **22** Fa ny jamba na ny misy tapaka, na ny kilemaina, na ny ferena, na ny boka, na ny kongonina, dia izany no tsy haterinareo ho an' i Jehovah, na hataonareo fanatitra amin' ny afo eo ambonin' ny alitara ho an' i Jehovah. **23** Na

omby, na ondry, na osy, izay misy sampona, dia azonao haterina ho fanati-tsitrapo; fa raha atao fanatitra hanalamboady, dia tsy hankasitrahana izy. **24** Izay voaporitra, na voatoro, na voaombotra, na voadidy ho afaka ny vihiny, dia tsy azonareo aterina ho an' i Jehovah; ary aza manao izany eo amin' ny taninareo. **25** Ary raha misy entin' olona hafa firenena aza izany zavatra izany, dia tsy azonareo haterina ho hanin' Andriamanitrareo, satria efa simba izy ka misy kilema; tsy mba hankasitrahana anareo izany. **26** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **27** Raha misy omby, na ondry, na osy, vao teraka, dia hitoetra amindreniny hafitoana izy; fa rehefa hatramin' ny andro fahavalo no ho miakatra, dia hankasitrahana izy, raha atao fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **28** Ary ny ombivavy, na ny ondrivavy, na ny osivavy, dia tsy hovonoinareo indray andro izy sy ny zanany. **29** Ary raha mamono zavatra hatao fanati-pisaorana ho an' i Jehovah ianareo, dia amin' izay hankasitrahana anareo no hamonoanareo azy. **30** Amin' izany andro izany ihany no hihinanana azy, fa aza amelana ho tra-maraina: Izaho no Jehovah **31** Ary tandremo ny didiko, ka araho izany: Izaho no Jehovah. **32** Ary aza manamavo ny anarako masìna; fa hohamasinina eo amin' ny Zanak' Isiraely Aho: Izaho Jehovah, **33** Izay nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta mba ho Andriamanitrareo, no manamasìna anareo; Izaho no Jehovah.

23 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Ny amin' ny fotoam-pivavahana voatendrin' i Jehovah, izay hantsoinareo ho fivoriana masìna, dia izao no izy: **3** Henemana no hanaovana raharaha; fa ny andro fahafito dia tena andro fitsaharana, dia fivoriana masìna; aza manao raharaha akory ianareo, fa Sabata ho an' i Jehovah eny amin' izay fonenanareo rehetra izany. **4** Izao no fotoam-pivavahana voatendrin' i Jehovah, dia fivoriana masìna hantsoinareo amin' ny fotoany avy: **5** Ny andro fahefatra ambin' ny folo amin' ny volana voalohany, rehefa hariva, dia Paskan' i Jehovah. **6** Ary ny andro fahadimy ambin' ny folo amin' izany volana izany dia andro firavoravoana ho an' i Jehovah, fihinanana ny mofo tsy misy masirasira; hafitoana no hihinananareo mofo tsy misy masirasira. **7** Ary amin' ny andro voalohany dia hisy fivoriana masìna ho anareo: aza manao tao-zavatra akory ianareo; **8** fa manatera fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah hafitoana; ary amin' ny andro fahafito dia hisy fivoriana masìna koa; aza manao tao-zavatra akory ianareo. **9** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **10** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Rehefa tonga any amin' ny tany izay omeko anareo ianareo ka hijinja ny vokatra any, dia mitondrà amboara iray amin' ny voaloham-bokatrareo ho any amin' ny mpisorona ianareo; **11** ary hanevaheva ny amboara eo anatrehan' i Jehovah izy, hankasitrahana anareo; amin' ny ampitson' ny Sabata no hanevahevan' ny mpisorona azy. **12** Ary amin' izay andro hanevahevanareo ny amboara dia manatera zanak' ondrilahy tsy misy kilema izay iray taona ho fanatitra dorana ho an' i Jehovah. **13** Ary ny fanatitra hohanina momba azy dia koba tsara toto roa ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo hatao fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah; ary ny fanatitra aidina momba azy dia divay ampahefatry ny hina. **14** Ary aza mihinana mofo, na lango, na salohim-bary maitso, mandra-pahatongan' ny andro izay hitondranareo fanatitra ho an' Andriamanitrareo; ho lalàna mandrakizay amin' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby izany eny amin' izay fonenanareo rehetra. **15** Ary manisà ho anareo hatramin' ny ampitson' ny Sabata, dia hatramin' izay andro itondranareo ny amboara ho fanatitra ahevaheva, dia fito herinandro mipaka. **16** Dia amin' ny ampitson' ny Sabata fahafito no hahataperan' ny andro dimam-polo hisainareo, dia manatera fanatitra hohanina vaovao ho an' i Jehovah indray. **17** Ary mitondrà mofo roa avy amin' ny fonenanareo ho fanatitra ahevaheva; hatao amin' ny koba tsara toto roa ampahafolon' ny efaha izy ka hasiana masirasira raha hendasina; voaloham-bokatra ho an' i Jehovah izany. **18** Ary manatera miaraka amin' ny mofo zanak' ondrilahy fito tsy misy kilema, izay iray taona, sy vantotr' ombilahy iray ary ondrilahy roa hatao fanatitra dorana ho an' i Jehovah ireo mbamin' ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia hanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **19** Dia manatera osilahy iray ho fanatitra noho ny ota sy zanak' ondrilahy roa izay iray taona ho fanati-pihavanana. **20** Ary ny mpisorona hahevaheva ireo mbamin' ny mofon' ny voaloham-bokatra ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah mbamin' ny zanak' ondrilahy roa koa; ireo dia ho masìna ho an' i Jehovah ho anjaran' ny mpisorona. **21** Ary miantsoa izany andro izany ho fivoriana masìna ho anareo, ka aza manao tao-zavatra akory; ho lalàna mandrakizay amin' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby izany eny amin' izay fonenanareo rehetra. **22** Ary raha mijinja ny vokatry ny tanimbarinareo ianareo, dia aza jinjana avokoa ny eny an-tsisiny, ary aza tsimponina izay latsaka avy amin' ny vokatrao, fa avelao ho an' ny malahelo sy ny vahiny izany: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **23** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **24** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Ny andro voalohany amin' ny volana fahafito dia ho andro fitsaharana ho anareo, dia fahatsiarovana amin' ny fitsofana trompetra, ho fivoriana masìna. **25** Aza manao tao-zavatra akory ianareo; fa manatera fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **26** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **27** Ary amin' ny andro fahafolo amin' izany volana fahafito izany (dia ny andro fanavotana) hisy fivoriana masìna ho anareo; ary hampahory ny tenanareo ianareo ka hanatitra fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **28** Ary aza manao raharaha akory amin' izany andro izany; fa andro fanavotana izany, hanaovana fanavotana ho anareo eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrareo. **29** Fa ny olona rehetra izay tsy mety miory amin' izany andro izany dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **30** Ary ny olona rehetra izay manao raharaha akory amin' izany andro izany dia hofongorako tsy ho amin' ny fireneny. **31** Aza manao raharaha akory; ho lalàna mandrakizay amin' ny

taranakareo hatramin' ny fara mandimby izany eny amin' izay rehetra honenanareo. **32** Ho tena andro fitsaharana ho anareo izany, ary hampahory ny tenanareo ianareo; amin' ny andro fahasivy amin' ny volana, rehefa hariva dia hatramin' ny hariva ka hatramin' ny ampitso hariva no hitandremanareo ny andro fitsaharanareo. **33** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **34** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Amin' ny andro fahadimy ambin' ny folo amin' izany volana fahafolo izany no hiantombohan' ny andro firavoravoana fitoerana amin' ny trano rantsan-kazo hafitoana ho an' i Jehovah. **35** Amin' ny andro voalohany dia hisy fivoriana masìna: aza manao tao-zavatra akory. **36** Hafitoana no hanateranareo fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah; ary amin' ny andro fahavalo dia hisy fivoriana masìna ho anareo koa, ka hanatitra fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah ianareo; fara-fivoriana izany, koa aza manao tao-zavatra akory. **37** Ireo no fotoam-pivavahana voatendrin' i Jehovah, ka hantsoinareo ho fivoriana masìna, hanaterana fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, dia fanatitra dorana sy fanatitra hohanina sy fanatitra hafa alatsa-drà sy fanatitra aidina, samy amin' ny fotoany avy izy rehetra, **38** afa-tsy izay fanao amin' ny Sabatan' i Jehovah sy ny zavatra omenareo sy ny fanatitra rehetra hanalanareo voady ary ny fanati-tsitraponareo rehetra, izay omenareo ho an' i Jehovah. **39** Ary amin' ny andro fahadimy ambin' ny folo amin' ny volana fahafito, raha manangona ny vokatry ny tany ianareo, dia tandremo ny andro firavoravoana hafitoana ho an' i Jehovah; ny andro voalohany dia andro fitsaharana, ary ny andro fahavalo dia andro fitsaharana koa. **40** Ary amin' ny andro voalohany dia makà voan' ny hazo tsara tarehy, dia sampan-drofia sy rantsan' ny hazo mikirindro ary hazomalahelo amoron' ny renirano, ho anareo; dia mifalia hafitoana eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo. **41** Ary tandremo izany ho andro firavoravoana ho an' i Jehovah hafitoana isan-taona. Ho lalàna mandrakizay amin' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby izany; amin' ny volana fahafito no hitandremanareo azy. **42** Ao amin' ny trano rantsan-kazo no hitoeranareo hafitoana; ny tompon-tany rehetra amin' ny Zanak' Isiraely dia samy hitoetra ao amin' ny trano rantsan-kazo avokoa, **43** mba ho fantatry ny taranakareo fa nampilasy ny Zanak' Isiraely tao amin' ny trano rantsan-kazo Aho, raha nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **44** Ary Mosesy dia nilaza tamin' ny Zanak' Isiraely ny fotoam-pivavahana voatendrin' i Jehovah.

24 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mandidia ny Zanak' Isiraely hitondra aminao diloilon' oliva tsara voavely hatao fanazavana, hampirehetana jiro mandrakariva. **3** Eo ivelan' ny efitra lamba izay manakona ny Vavolombelona, dia eo amin' ny trano-lay fihaonana, no handaharan' i Arona azy, hatramin' ny hariva ka hatramin' ny maraina, eo anatrehan' i Jehovah mandrakariva; ho lalàna mandrakizay amin' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby izany. **4** Eo amin' ny fanaovan-jiro volamena tsara no handaharany ny lela fanaovan-jiro mandrakariva eo anatrehan' i Jehovah. **5** Ary makà koba tsara toto, ka endaso ho mofo roa ambin' ny folo; roa ampahafolon' ny efaha no hatao mofo iray. **6** Ary mandahara ireo eo ambonin' ny latabatra tsara eo anatrehan' i Jehovah, ka ataovy roa toerana, dia enina avy no iray toerana. **7** Ary asio ditin-kazo mani-pofona madio ny isan-toerana, ka aoka ho eo amin' ny mofo izany ho fanati-pahatsiarovana, dia fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **8** Isan-tSabata no handaharany ireo mandrakariva eo anatrehan' i Jehovah; ho avy amin' ny Zanak' Isiraely izany, dia fanekena mandrakizay. **9** Ary ho an' i Arona sy ny zanany izany ka hohaniny eo amin' izay fitoerana masìna; fa masìna dia masìna ho an' ny mpisorona izany avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo: lalàna mandrakizay izany. **10** Ary nisy lehilahy anankiray nivoaka nankeo amin' ny Zanak' Isiraely, vehivavy Isiraelita no reniny, fa lehilahy Egyptiana no rainy; ary niady teo an-toby io zanaky ny vehivavy Isiraelita io sy ny lehilahy Isiraelita anankiray. **11** Ary niteny ratsy ny Anarana ilay zanaky ny vehivavy Isiraelita ka nanozona dia nentina tany amin' i Mosesy izy (Sebomita no anarandreniny, zanakavavin' i Dibry avy tamin' ny firenen' i Dana izy); **12** ary nambenany izy, mandra-paha-fantany izay ho didin' i Jehovah. **13** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **14** Avoahy ho eny ivelan' ny toby ilay nanozona, ary aoka izay rehetra nandre azy hametraka ny tànany amin' ny lohany, ary aoka ny fiangonana rehetra hitora-bato azy. **15** Ary mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Na iza na iza no mamingavinga an' Andriamaniny dia ho meloka, **16** Fa izay miteny ratsy ny anaran' i Jehovah dia hatao maty mihitsy; hitora-bato azy tokoa ny fiangonana rehetra; na vahiny na tompon-tany, raha miteny ratsy ny Anarana, dia hatao maty izy. **17** Ary izay mahafaty olona dia hatao maty tokoa. **18** Fa izay mahafaty biby fiompy dia hanonitra azy: biby solon' ny biby. **19** Ary raha misy obona manakilema ny namany, dia toy izay nataony no hatao aminy kosa: **20** tapaka solon' ny tapaka, maso solon' ny maso, nify solon' ny nify; tahaka ny kilema nataony tamin' ny olona no hatao aminy kosa. **21** Ary izay mahafaty biby fiompy dia hanonitra azy; fa izay mahafaty olona kosa dia hatao maty. **22** Fitsipika iray no hitondrana anareo, na vahiny na tompon-tany; fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **23** Ary Mosesy niteny tamin' ny Zanak' Isiraely, dia navoakany teny ivelan' ny toby ilay nanozona ka notorahany vato. Ary ny Zanak' Isiraely dia nanao araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy.

25 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy teo an-tendrombohitra Sinay ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Rehefa tonga any amin' ny tany izay omeko anareo ianareo, aoka hisy fitsaharana ho an' ny tany, dia sabata ho an' i Jehovah. **3** Enin-taona no hamafazanao ny taninao, enin-taona no hanamboaranao ny sahanao sy hanangonanao ny vokatra; **4** fa ny taona fahafito kosa ho tena fitsaharana ho an' ny tany, dia sabata ho an' i Jehovah; aza mamafy amin' ny taninao ianao, ary aza mamboatra ny sahanao. **5** Aza mijinja izay maniry ho azy avy tamin' ny voa nihintsana tamin' ny fararano lasa, ary

aza mioty ny voaloboka avy tamin' izay tsy namboarinao; fa aoka ho taona fitsaharana ho an' ny tany izany. **6** Ary izay maniry ho azy amin' ny sabatan' ny tany no ho hanina ho anao sy ny ankizilahinao sy ny ankizivavinao sy ny mpikarama sy ny vahiny eo aminao **7** sy ny biby fiompinao ary ny bibidia izay eo amin' ny taninao; izay vokatra rehetra eo no hohaniny. **8** Ary manisà sabatan-taona fito ho anao, dia fito taona impito, ka ny hanisanao ny andron' ireo sabatan-taona fito ireo dia sivy amby efa-polo taona. **9** Dia mitsofa anjomara avo feo amin' ny andro fahafolo amin' ny volana fahafito; dia amin' ny andro fanavotana no hitsofanareo anjomara eran' ny taninareo. **10** Ary hamasino ny taona fahadimam-polo, ka miantsoa fanafahana amin' ny tany ho an' ny mponina rehetra ao aminy; Jobily ho anareo izany, ka samia mody any amin' ny taninareo avy ianareo sy any amin' ny mpianakavinareo avy. **11** Jobily ho anareo izany taona fahadimam-polo izany; aza mamafy ianareo, ary aza mijinja izay maniry ho azy avy tamin' ny voa nihintsana tamin' ny fararano lasa, ary aza mioty ny avy tamin' izay tsy namboarinareo; **12** fa Jobily izany ka ho masìna ho anareo. Izay vokatra alaina any an-tsaha no hohaninareo. **13** Amin' izany taona Jobily izany dia samy hody amin' ny taninareo avy ianareo. **14** Ary raha mivarotra na mividy zavatra amin' ny namanao ianao, aza misy manao sarotra: **15** araka ny isan' ny taona aorian' ny Jobily no hividiananao amin' ny namanao; ary araka ny isan' ny fararano no hivarotany aminao. **16** Araka ny hamaron' ny taona no hampitomboanao ny vidiny, ary araka ny havitsin' ny taona sisa no hampihenanao ny vidiny; fa araka ny isan' ny fararano no hivarotany aminao. **17** Ary aza misy manao sarotra ianareo, fa matahora an' Andriamanitrao; fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **18** Ary araho ny didiko, ary tandremo ny fitsipiko, ka araho izy; dia handry fahizay amin' ny tany ianareo. **19** Ary ny tany hahavoka-javatra dia hihinana ianareo ka ho voky, ary handry fahizay. **20** Ary andrao ianareo manao hoe: Inona no hohaninay amin' ny taona fahafito? fa, indro, tsy mamafy izahay, na manangona ny vokatray; **21** dia hataoko aminareo ny fitahiako amin' ny taona fahenina, ka hisy vokatra ampy ho anareo amin' ny telo taona. **22** Ary hamafy amin' ny taona fahavalo ianareo ka hihinana ny tranainy mandra-pahatongan' ny taona fahasivy; mandra-pahatongan' ny vao no hihinananareo ny tranainy. **23** Ary ny tany tsy hatao varo-maty, satria Ahy ny tany; fa vahiny sy mpivahiny amiko ianareo. **24** Ary havelanareo ho azo avotana ny tany eo amin' ny tany rehetra izay lovanareo. **25** Raha tàhiny mihamalahelo ny rahalahinao, ka nivarotany ny taniny, dia ho avy ny havany akaiky ka hanavotra izay namidin' ny rahalahiny. **26** Ary raha tsy manan-kavana hanavotra ralehilahy, nefa nambinina izy ka nahazo izay ampy ho entimanavotra azy, **27** dia aoka hanisa ny taona hatramin' ny nivarotany azy izy ka handoa ny hevitry ny taona sisa ho an' ny lehilahy izay nivarotany azy; ka dia hody amin' ny taniny izy. **28** Fa raha tsy nahazo izay ampy handoavana izany izy, izay namidiny dia mbola hitoetra eo an-tànan' ilay nividy azy ihany mandra-pahatongan' ny taona Jobily; ary ho afaka izany amin' ny Jobily, ka hody amin' ny taniny ralehilahy. **29** Ary raha misy olona mivarotra trano itoerana ao amin' ny tanàna mimanda, dia hahazo manavotra azy izy mandra-pahatapitry ny herintaona nivarotany azy; fa ao anatin' izany no hahazoany manavotra azy. **30** Fa raha tsy voavotra mandra-pahatapitry ny herintaona kosa ilay trano ao amin' ny tanàna mimanda, dia tapaka ho varo-maty ho an' izay nividy azy sy ho an' ny taranany izany; tsy ho afaka izany na dia amin' ny Jobily aza. **31** Fa ny trano ao amin' ny vohitra izay tsy misy manda manodidina kosa dia hatao taha, ka ny tany ihany; ho azo avotana ihany izany, na ho afaka amin' ny Jobily. **32** Kanefa ny amin' ny tanànan' ny Levita, ny trano ao amin' ny tanàna izay ho anjarany dia ho azon' ny Levita avotana ihany na oviana na oviana. **33** Ary raha misy Levita manavotra azy, dia ho afaka amin' ny Jobily ny trano izay namidy sy ny tanàna izay anjarany; fa ny trano ao an-tanànan' ny Levita dia lovany ao amin' ny Zanak' Isiraely. **34** Fa ny tany manodidina ny tanànany kosa dia tsy azo hamidy; fa ho lovany mandrakizay izany. **35** Ary raha mihamalahelo ny rahalahinao izay miara-monina aminao ka reraka, dia vonjeo izy, ka aoka mba ho velona eo aminao tahaka ny vahiny sy ny mpivahiny izy. **36** Aza maka zana-bola na tombony aminy; fa matahora an' Andriamanitrao, mba ho velona eo aminao ny rahalahinao. **37** Aza mampanàna vola aminy, ary aza mampisambotra hanina hahazoana tombony: **38** Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, Izay nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, hanome anareo ny tany Kanana, mba ho Andriamanitrareo. **39** Ary raha mihamalahelo ny rahalahinao ka mivarotena aminao, aza ampanompoinao toy ny andevo izy; **40** fà aoka hitoetra eo aminao tahaka ny mpikarama sy tahaka ny vahiny izy; mandra-pahatongan' ny taona Jobily no hanompoany anao. **41** Dia ho afaka izy sy ny zanany ka hody amin' ny mpianakaviny sy amin' ny tanin-drazany koa. **42** Fa mpanompoko izay nentiko nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta izy ka tsy hamidy tahaka ny andevo. **43** Aza mampanompo azy fatratra, fa matahora an' Andriamanitrao. **44** Ary ny amin' izay ho andevolahinao sy andevovavinao, dia amin' ny jentilisa izay manodidina anareo no hividiananareo azy. **45** Ary amin' ny zanaky ny vahiny eo aminareo sy amin' ny taranany izay haterany eo amin' ny taninareo no hividiananareo koa; ary dia ho fananananareo izany. **46** Ary hataonareo lovan' ny zanakareo mandimby anareo izany ho fananana holovany ka hampanompoinareo mandrakizay fa ny Zanak' Isiraely rahalahinareo dia aza mba ampanompoina fatratra. **47** Ary raha tonga manan-karena ny vahiny izay monina eo aminao na ny mpivahiny, ary ny rahalahinao eo aminy mihamalahelo kosa ka mivaro-tena amin' ny vahiny eo aminao, na amin' ny taranaky ny vahiny; **48** na dia nivaro-tena aza izy, dia azo avotana indray; ny anankiray amin' ny rahalahiny no mahazo manavotra azy: **49** na ny rahalahin-drainy, na ny zanak' olo-mirahalahy aminy, na izay havany akaiky azy amin' ny mpianakaviny no mahazo manavotra azy; kanefa raha tratry ny ananany, dia hanavo-tena izy. **50** Ary dia hisainy amin' izay nividy azy hatramin' ny taona nivarotana azy ka hatramin' ny taona Jobily; ary ny vola nivarotany ny

tenany dia hoheverina araka ny isan' ny taona; dia ara-kevitry ny andron' ny mpikarama no hiheverana azy. **51** Raha mbola maro ny taona sisa, dia ara-keviny ihany no handoavany ny avony avy amin' ny vola vidiny teo aloha. **52** Any raha vitsy kosa ny taona sisa mandra-pahatongan' ny taona Jobily, dia hanisa izany aminy izy, ka ara-kevitry ny taona ihany no handoavany ny vola avony. **53** Tahaka izay karamaina isan-taona no hitoerany eo aminy; fa aoka tsy hampanompoina fatratra eo imasonao izy. **54** Ary raha tsy voavotra amin' izay izy, dia ho afaka amin' ny taona Jobily izy sy ny zanany koa. **55** Fa mpanompoko ny Zanak' Isiraely, dia mpanompoko izay nentiko nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo.

26 Aza manao andriamani-tsi-izy; ary aza manangana sarin-javatra voasokitra, na manao tsangambaton-tsampy na manorina vato soratana hiankohofana eo amin' ny taminareo: fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **2** Tandremo ny Sabatako, ary hajao ny fitoerako masìna: Izaho no Jehovah. **3** Raha manaraka ny lalàko sy mitandrina ny didiko ianareo ka mankatò izany, **4** dia hanome anareo ranonorana amin' ny fotoany Aho, ka hahavoka-javatra ny tany, ary hamoa ny hazo any an-tsaha. **5** Ary ny taom-pivelezanareo dia ho tratry ny taom-piotazam-boaloboka, ary ny taom-piotazam-boaloboka dia ho tratry ny taom-pamafazana dia hihinana ianareo ka ho voky; ary handry fahizay eo amin' ny taninareo. **6** Any homeko fiadanana eo amin' ny tany ianareo ka handry fahizay, ary tsy hisy hanaitaitra, fa hofongorako ny biby masiaka amin' ny tany, ary tsy hotetezin-tsabatra ny taninareo. **7** Dia hanenjika ny fahavalonareo ianareo, ka ho lavon-tsabatra eo anoloanareo izy. **8** Ary ny dimy aminareo hanenjika ny zato, ary ny zato aminareo hanenjika ny iray alina; any ny fahavalonareo ho lavon-tsabatra eo anoloanareo. **9** Any hijery anareo Aho ka hahamaro ny taranakareo sy hampitombo anareo, ary hanonina ny fanekeko aminareo Aho. **10** Any hihinana ny tranainy ianareo, sady hamoaka ny tranainy hasiana ny vao. **11** Ary ny tabernakeliko dia hataoko eo aminareo; ary tsy ho halan' ny fanahiko ianareo. **12** Ary handeha eo aminareo Aho ka ho Andriamanitrareo; ary ianareo ho oloko. **13** Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, Izay nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, mba tsy ho andevony ianareo; ary nanapaka ny zioga izay teo aminareo Aho ka nampandeha anareo mijoro, **14** Fa raha tsy mihaino Ahy kosa ianareo ka tsy mankatò ireo didy rehetra ireo, **15** ary hamavoinareo ny didiko, na halan' ny fanahinareo ny fitsipiko, ka tsy ankatoavinareo ny didiko rehetra, fa ivadihanareo ny fanekeko, **16** Izaho kosa dia hanao izao aminareo hanisy fampitahorana aminareo Aho, dia areti-mahasahozanina sy tazo mahamay, izay manimba ny maso sy mandany ny aina; ary hafafinareo foana ny voan-javatrareo, fa ny fahavalonareo no hihinana azy. **17** Dia hanandrina anareo ny Tavako, ka ho resy eo anoloan' ny fahavalonareo ianareo; ary izay mankahala anareo no hanapaka anareo; dia handositra ianareo, na dia tsy misy manenjika aza. **18** Ary raha mbola tsy mihaino Ahy ihany ianareo amin' izany rehetra izany, dia mbola hampijaly anareo impito Aho noho ny fahotanareo. **19** Ary horavako ny reharehan' ny herinareo, ka hataoko toy ny vy ny lanitrareo, ary toy ny varahina ny taninareo; ary ny herinareo ho lany foana; **20** fa tsy hahavoka-javatra ny taninareo, any tsy hamoa ny hazo amin' ny tany. **21** Ary raha mbola manohitra Ahy ihany ianareo, ka tsy mety mihaino Ahy, dia hasiako kapoka impito koa ianareo araka ny fahotanareo. **22** Ary hampandehaniko eo aminareo ny bibi-dia, ka handany ny zanakareo sy handringana ny biby fiompinareo ireny ka hahavitsy isa anareo; ary ny lalambenareo ho tonga efitra. **23** Any raha tsy mandray ny anatro amin' izany ianareo, fa mbola manohitra Ahy ihany, **24** Izaho dia Izaho kosa no hamely anareo ka hampijaly anareo impito indray noho ny fahotanareo. **25** Dia hampiditra sabatra aminareo Aho ho valin' ny nivadihanareo ny fanekena; ary rehefa tafangona eo anatin' ny tanànanareo ianareo, dia hanatitra areti-mandringana aminareo Aho; ary hatolotra eo an-tànan' ny fahavalo ianareo. **26** Raha tapahiko ny vary, izay tohan' ainareo, dia fanendasa-mofo iray ihany no hanendasan' ny vehivavy folo ny mofonareo, ary an-danjany no hizarany azy, dia hihinana ianareo, fa tsy ho voky. **27** Ary raha mbola tsy mihaino Ahy amin' izany indray ianareo, fa mbola manohitra Ahy ihany, **28** dia hamely anareo amin' ny fahatezerana kosa Aho; ary Izaho dia Izaho no hampijaly anareo impito indray noho ny fahotanareo. **29** Dia hihinana ny nofon' ny zanakareo-lahy sy ny zanakareo-vavy ianareo. **30** Ary horavako ny fitoerana avonareo, sy hokapaiko ny tsangan-kazonareo ho an' ny masoandro, ary ny fatinareo dia hariako eo ambonin' ny fatin' ny sampinareo, ary ho halan' ny fanahiko ianareo. **31** Ary horavako ny tanànanareo, ka hatao lao ny fitoera-masinareo, ary tsy hamboloiko ny hanitrareo ankasitrahana. **32** Ary hataoko lao ny tany, ka ho talanjona amin' izany ny fahavalonareo izay monina eo. **33** Ary ianareo dia haeliko any amin' ny jentilisa, any hanatsoaka sabatra ho enti-manenjika anareo Aho; ary ny taninareo ho lao, any ny tanànanareo ho rava. **34** Ary amin' izany ny tany dia hanonitra ny sabatany amin' ny andro rehetra izay hahafoanany, raha any amin' ny tanin' ny fahavalonareo ianareo; dia hitsahatra ny tany ka hanonitra ny sabatany; **35** amin' ny andro hahafoanany rehetra no hitsaharany ho solon' izay tsy nitsaharany tamin' ny sabatanareo, raha mbola nonina teo ianareo. **36** Ary ny amin' ny sisa aminareo any amin' ny tanin' ny fahavalony, dia hampiditra fahararehana ao am-pony Aho, ka na dia ny feon' ny ravin-kazo voapaoka aza dia hampandositra azy; ary handositra tahaka ny mandosi-tsabatra izy ka ho lavo, na dia tsy misy manenjika aza. **37** Ary ho lavo mifanindry toy ny mandosi-tsabatra izy, na dia tsy misy manenjika aza; ka dia tsy hahajanona eo anoloan' ny fahavalonareo ianareo. **38** Any dia ho lany ringana any amin' ny jentilisa ianareo, any ho lanin' ny tanin' ny fahavalonareo ianareo. **39** Ary ny sisa eo aminareo dia ho levona any amin' ny tanin' ny fahavalonareo noho ny helony sy ny heloky ny razany koa. **40** Fa raha hiaiky ny helony sy ny heloky ny razany izy, dia ny fahadisoany izay nandisoany tamiko tamin' ny nanoherany Ahy, **41** ary Izaho kosa namely azy ka nitondra azy ho any amin' ny tanin' ny fahavalony, raha

hietry amin' izany ny fony tsy voafora, any hanonitra ny amin' ny helony izy, **42** dia hotsarovako ny fanekeko tamin' i Jakoba sy ny fanekeko tamin' Isaka ary ny fanekeko tamin' i Abrahama; ary hotsarovako koa ny tany. **43** Ary ny tany hilaozan' ny olona ka hanonitra ny sabatany, raha mitoetra foana tsy misy olona izy; ary ny olona hanonitra ny amin' ny helony, satria nandà ny fitsipiko Izy, ary halan' ny fanahiny ny didiko. **44** Ary na dia izany rehetra izany aza, raha any amin' ny tanin' ny fahavalony izy, dia tsy holaviko ary tsy ho halako, fandrao lany ringana izy rehetra, ka rava ny fanekeko taminy; fa Izaho no Jehovah Andriamaniny. **45** Fa ny hitahiako azy no hahatsiarovako ny fanekena tamin' ny razany, izay nentiko nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta teo Imason' ny jentilisa, mba ho Andriamaniny Aho: Izaho no Jehovah. **46** Ireo no didy sy fitsipika ary lalàna izay nataon' i Jehovah ho aminy sy amin' ny Zanak Isiraely, teo an-tendrombohitra Sinay ka nampilazainy an' i Mosesy.

27 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mltenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha misy olona hanala voady, dia ho an' i Jehovah izy araka izay hataonao tombany. **3** Ary ny hataonao tomban' ny lehilahy hatramin' ny roa-polo taona ka hatramin' ny enim-polo taona dia sekely volafotsy dimam-polo araka ny sekely masìna; **4** fa raha vehivavy, dia sekely telo-polo kosa no hataonao tombany. **5** Ary raha hatramin' ny dimy taona ka hatramin' ny roa-polo taona izy, dia sekely roa-polo no hataonao tomban' ny lehilahy; ary raha vehivavy, dia sekely folo kosa. **6** Ary raha hatramin' ny iray volana ka hatramin' ny dimy taona, dia sekely volafotsy dimy no hataonao tomban' ny zazalahy; ary sekely volafotsy telo kosa no hataonao tomban' ny zazavavy. **7** Ary raha hatramin' ny enim-polo taona no ho miakatra izy, raha lehilahy, dia ho sekely dimy ambin' ny folo no hataonao tombany; ary raha vehivavy, dia sekely folo kosa. **8** Ary raha malahelo kosa izy ka tsy mahaloa izay hataonao ho tombany, dia ho entina eo anatrehan' ny mpisorona izy, ary ny mpisorona hanombana azy; araka izay takatry ny ananan' ilay nivoady no hanombanan' ny mpisorona azy. **9** Ary raha biby fiompy izay fanao fanatitra ho an' i Jehovah, dia ho masìna ho an' i Jehovah izay rehetra omena amin' izany. **10** Tsy hanova na hanakalo izany izy, na ny tsara ho solon' ny ratsy, na ny ratsy ho solon' ny tsara; ary raha biby no atakalony biby, dia samy ho masìna Izy sy ny takalony. **11** Fa raha biby maloto izay tsy fanao fanatitra ho an' i Jehovah kosa izany, dia ho entina eo anatrehan' ny mpisorona izy; **12** ary ny mpisorona hanombana azy, na tsara, na ratsy; koa araka izay hataonao mpisorona tombany no izy. **13** Fa raha ta-hanavotra azy ny tompony, dia hampiany ho tonga avy fahenina izay nataonao tombany. **14** Ary raha misy olona manamasìna ny tranony ho an' i Jehovah, dia hotombanan' ny mpisorona ny trano, na tsara, na ratsy; koa araka izay hataon' ny mpisorona tombany no izy. **15** Ary raha tian' ny tompony havotana ny tranony izay nohamasininy, dia hampiany ho tonga avy fahenina ny vola nataonao tombany, dia ho azy ny trano. **16** Ary raha misy olona manamasìna ho an' Jehovah ny sasany amin' ny zara-taniny, dia hotombananao izy araka ny voan-javatra famafy eo; ny voam-bary hordea iray homera hotombananao sekely volafotsy dimam-polo. **17** Raha misy manamasìna ny taniny, raha vao afaka ny Jobily, dia araka izay hataonao tombany no izy. **18** Fa raha misy manamasìna ny taniny ao aorian' ny Jobily, dia holazain' ny mpisorona aminy ny vola araka ny taona sisa, dia hatramin' ny taona Jobily, ary hahena araka izany no hanaovanao ny tombany. **19** Ary raha tian' ilay nanamasina azy havotana ny tany, dia hampiany ho tonga avy fahenina ny vola nataonao tombany, ka dia ho tapaka ho azy. **20** Ary raha tsy hanavotra ny tany izy, na efa nivarotra azy tamin' olon-kafa, dia tsy ho azo avotana intsony izany. **21** Fa raha afaka amin' ny Jobily ny tany, dia ho masìna ho an' i Jehovah tahaka ny saha voatokana izany; ny mpisorona no ho tompony. **22** Ary raha misy manamasìna ho an' i Jehovah ny tany novidiny, izay tsy amin' ny zara-taniny, **23** dia holazain' ny mpisorona aminy ny hevitry ny ataonao tombany, dia hatramin' ny taona Jobily; ary dia handoa izay nataonao tombany amin' izany andro izany izy ho zava-masìna ho an' i Jehovah. **24** Amin' ny taona Jobily no hodian' ny tany amin' izay nividianana azy, dia ho an' izay tompon-dova. **25** Ary ny tombany rehetra izay hataonao dia ho araka ny sekely masìna: ho gera roa-polo ny sekely iray. **26** Fa ny voalohan-teraky ny biby fiompy, dia izay voalohan-teraka ho an' i Jehovah, aoka tsy hisy olona hanamasina izany, na omby, na ondry, na osy, fa an' i Jehovah izany. **27** Fa raha biby maloto kosa, dia havotany araka izay hataonao tombany, ary hampiany ho tonga avy fahenina; fa raha tsy havotana izy, dia hamidy araka izay nataonao tombany. **28** Kanefa ny zavatra rehetra izay atokan' ny olona ho an' i Jehovah amin' izay ananany, na olona, na biby fiompy, na tany izay fananany, dia tsy hamidy, na havotana; masìna dia masìna ho an' i Jehovah ny zavatra rehetra izay atokana. **29** Ny olona rehetra izay atokana dia tsy havotana, fa hatao maty tokoa. **30** Ary ny ampahafolon' ny vokatra rehetra ao amin' ny tany, na avy amin' ny tanimbary, na avy amin' ny saha, dia an' i Jehovah; masìna ho an' i Jehovah izany. **31** Ary raha misy tian' ny tompony havotana ny ampahafolon' ny vokatra, dia hampiany ho tonga avy fahenina izy. **32** Ary ny amin' ny ampahafolon' ny omby, na ny ondry, na ny osy, dia ny ampahafolon' izay rehetra mandalo eo ambanin' ny tehin' ny mpiandry, ho masìna ho an' i Jehovah. **33** Tsy hizaha ny tsara na ny ratsy izy, ary tsy hanakalo azy; ary raha misy takalozany, dia samy ho masìna avokoa izy sy ny takalony ka tsy havotana. **34** Ireo no didy izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy ho amin' ny Zanak' Isiraely teo an-tendrombohitra Sinay.

Nomery

1 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy tany an-efitr' i Sinay, tao amin' ny trano-lay fihaonana tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana faharoa, tamin' ny taona faharoa taorian' ny nivoahany avy tany amin' ny tany Egypta, ka nanao hoe: **2** Alao isa ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, araka ny fokony sy ny fianakaviany avy, ary araka ny anarany tsirairay, **3** dia ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo alefa hanafika; handamina azy araka ny antokony avy ianao sy Arona. **4** Ary aoka hisy lehilahy iray avy isam-pirenena ho namanareo, dia izay samy lohan' ny fianakaviany avy. **5** Ary izao no anaran' ireo lehilahy ho namanareo ireo: Ny avy amin' i Robena dia Elizora, zanak' i Sedeora; **6** ny avy amin' i Simeona dia Selomiela, zanak' i Zorisaday; **7** ny avy amin' i Joda dia Nasona, zanak' i Aminadaba; **8** ny avy amin' Isakara dia Netanela, zanak' i Zoara; **9** ny avy amin' i Zebolona dia Eliaba, zanak' i Helona; **10** ny avy amin' ny zanak' i Josefa dia Elisama, zanak' i Amihoda, avy amin' i Efraima, ary Gamaliela, zanak' i Pedazora, avy amin' i Manase kosa; **11** ny avy amin' i Benjamina dia Abidana, zanak' i Gideony; **12** ny avy amin' i Dana dia Ahiezera, zanak' i Amisaday; **13** ny avy amin' i Asera dia Fagiela, zanak' i Okrana; **14** ny avy amin' i Gada dia Eliasafa, zanak' i Doela; **15** ny avy amin' i Naftaly dia Ahira, zanak' i Enana. **16** Ireo no voafidin' ny fiangonana, dia samy lohan' ny fireneny avy sady mpifehy arivo amin' ny Isiraely. **17** Ary Mosesy sy Arona naka ireo olona voatonona anarana ireo, **18** dia namory ny fiangonana rehetra tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana faharoa; ary samy nampanoratra ny anarany avy izy araka ny firazanany, dia araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra. **19** Araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy no nandaminany azy tany an-efitr' Sinay. **20** Ary tamin' ny taranak' i Robena, lahimatoan' Isiraely, araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, dia ny lehilahy rehetra hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra izay azo nalefa hanafika, **21** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Robena dia diman-jato amby enina arivo sy efatra alina. **22** Ary tamin' ny taranak' i Simeona araka ny fokony sy ny fianakaviany, dia izay rehetra voalamina, araka ny anarany tsirairay, dia ny lehilahy rehetra hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, izay azo nalefa hanafika **23** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Simeona dia telon-jato amby sivy arivo sy dimy alina. **24** Ary tamin' ny taranak' i Gada araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **25** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Gada dia dimam-polo amby enin-jato sy dimy arivo sy efatra alina. **26** Ary tamin' ny taranak' i Joda araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **27** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Joda dia enin-jato amby efatra arivo sy fito alina. **28** Ary tamin' ny taranak' Isakara araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **29** izay voalamina avy tamin' ny firenen' Isakara dia efa-jato amby efatra arivo sy dimy alina. **30** Ary tamin' ny taranak' i Zebolona araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **31** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Zebolona dia efa-jato amby fito arivo sy dimy alina. **32** Ary tamin' ny taranak' i Josefa: dia avy tamin' ny taranak' i Efraima araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **33** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Efraima dia diman-jato amby efatra alina; **34** ary tamin' ny taranak' i Manase araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **35** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Manase dia roan-jato amby roa arivo sy telo alina. **36** Ary tamin' ny taranak' i Benjamina araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **37** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Benjamina dia efa-jato amby dimy arivo sy telo alina. **38** Ary tamin' ny taranak' i Dana araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **39** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Dana dia fiton-jato amby roa arivo sy enina alina. **40** Ary tamin' ny taranak' i Asera araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika **41** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Asera dia diman-jato amby arivo sy efatra alina. **42** Ary tamin' ny taranak' i Naftaly araka ny fokony sy ny fianakaviany, ary araka ny anarany tsirairay, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika, **43** izay voalamina avy tamin' ny firenen' i Asera dia efa-jato amby telo arivo sy dimy alina. **44** Ireo no voalamin' i Mosesy sy Arona ary ny roa ambin' ny folo lahy lehibe amin' ny Isiraely, izay samy lohan' ny fianakaviany avy. **45** Ary izay rehetra avy tamin' ny Zanak' Isiraely araka ny fianakaviany, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia izay rehetra azo nalefa hanafika avy amin' ny Isiraely, **46** dia dimam-polo amby dimam-jato sy telo arivo sy enina hetsy. **47** Fa ny Levita, araka ny fireneny kosa dia tsy mba nalamina ho isan' ireo. **48** Fa Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **49** Ny firenen' ny Levita ihany no aza alamina, ary aza mba alaina isa miaraka amin' ny Zanak' Isiraely; **50** fa tendreo izy hitandrina ny tabernakelin' ny Vavolombelona sy ny fanaka rehetra ary ny zavatra rehetra izay momba azy; fa izy no hitondra ny tabernakely sy ny zavatra rehetra momba azy sady hanao fanompoam-pivavahana ao; ary manodidina ny tabernakely no hitobiany. **51** Ary raha hafindra ny tabernakely, dia ny Levita no hangorona azy; ary raha haorina ny tabernakely,

dia ny Levita no hanangana azy; fa raha olon-kafa no manakaiky, dia hatao maty izy. **52** Dia hitoby ny Zanak' Isiraely, samy eo amin' ny tobiny avy, ary samy eo amin' ny fanevany ary, araka ny antokony. **53** Fa ny Levita kosa hitoby manodidina ny tabernakelin' ny Vavolombelona, mba tsy hisy fahatezerana hahatratra ny fiangonan' ny Zanak' Isiraely; ary ny Levita hitandrina ny anjara raharaha momba ny tabernakelin' ny Vavolombelona. **54** Dia nataon' ny Zanak' Isiraely izany; araka izay rehetra efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy no nataony.

2 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **2** Samy eo amin' ny fanevany sy eo amin' ny faneva kelin' ny fianakaviany avy no hitobian' ny Zanak' Isiraely; manodidina ny trano-lay fihaonana sady manandrify azy no hitobiany. **3** Ary ny hitoby eo amin' ny lafiny atsinanana, tandrifin' ny fiposahan' ny masoandro, dia izay momba ny fanevan' ny tobin' i Joda, araka ny antokony; ary ny lohan' ny taranak' i Joda dia Nasona, zanak' i Aminadaba; **4** ary ny miaramilany izay nalamina dia enin-jato amby efatra arivo sy fito alina. **5** Ary ny hitoby eo anilany dia ny firenen' Isakara; ary ny lohan' ny taranak' Isakara dia Netanela, zanak' i Zoara; **6** ary ny miaramilany izay nalamina dia efa-jato amby efatra arivo sy dimy alina. **7** Dia vao ny firenen' i Zebolona; ary ny lohan' ny taranak' i Zebolona dia Eliaba, zanak' i Helona; **8** ary ny miaramilany izay nalamina dia efa-jato amby fito arivo sy dimy alina. **9** Ny tontalin' izay nalamina teo amin' ny tobin' i Joda dia efa-jato amby enina arivo sy valo alina sy iray hetsy, araka ny antokony. Ireo no loha-lalana. **10** Ary ny fanevan' ny tobin' i Robena no ho eo amin' ny lafiny atsimo, araka ny antokony; ary ny lohan' ny taranak' i Robena dia Elizora, zanak' Sedeora; **11** ary ny miaramilany izay nalamina dia diman-jato amby enina arivo sy efatra alina. **12** Ary ny hitoby eo anilany dia ny firenen' i Simeona; ary ny lohan' ny taranak' i Simeona dia Selomiela, zanak' i Zorisaday; **13** ary ny miaramilany izay nalamina dia telon-jato amby sivy arivo sy dimy alina. **14** Dia vao ny firenen' i Gada; ary ny lohan' ny taranak' i Gada dia Eliasafa, zanak' i Roela; **15** ary ny miaramilany izay nalamina dia dimam-polo amby enin-jato sy dimy arivo sy efatra alina. **16** Ny tontalin' izay nalamina teo amin' ny tobin' i Robena dia dimam-polo amby efa-jato sy arivo sy dimy alina sy iray hetsy, araka ny antokony. Ireo no mandeha faharoany. **17** Dia handroso ny trano-lay fihaonana sy ny tobin' ny Levita, eo afovoan' ny toby rehetra; ka araka ny itobiany ihany no handrosoany, samy eo amin' ny filaharany avy, araka ny fanevany. **18** Ary ny fanevan' ny tobin' i Efraima, araka ny antokony, dia ho eo amin' ny lafiny andrefana; ary ny lohan' ny taranak' i Efraima dia Elisama, zanak' i Amihoda; **19** ary ny miaramilany izay nalamina dia diman-jato amby efatra alina. **20** Ary ny firenen' i Manase ho eo anilany; ary ny lohan' ny taranak' i Manase dia Gamaliela, zanak' i Pedazora; **21** ary ny miaramilany izay nalamina dia roan-jato amby roa arivo amby telo alina. **22** Dia vao ny firenen' i Benjamina; ary ny lohan' ny taranak' i Benjamina dia Abidana, zanak' i Gideony; **23** ary ny miaramilany izay nalamina dia efa-jato amby dimy arivo amby telo alina. **24** Ny tontalin' izay nalamina teo amin' ny tobin' i Efraima dia zato amby valo arivo sy iray hetsy, araka ny antokony. Ireo no mandeha fahatelony. **25** Ary ny fanevan' ny tobin' i Dana, araka ny antokony, dia ho eo amin' ny lafiny avaratra; ary ny lohan' ny taranak' i Dana dia Ahiezera, zanak' i Amisaday; **26** ary ny miaramilany izay nalamina dia fiton-jato amby roa arivo sy enina alina. **27** Ary ny hitoby eo anilany dia ny firenen' i Asera; ary ny lohan' ny taranak' i Asera dia Pagiela, zanak' i Okrana; **28** ary ny miaramilany izay nalamina dia dimam-jato amby arivo sy efatra alina. **29** Dia vao ny firenen' i Naftaly; ary ny lohan' ny taranak' i Naftaly dia Ahira, zanak' i Enana; **30** ary ny miaramilany izay nalamina dia efa-jato amby telo arivo sy dimy alina. **31** Ny tontalin' izay nalamina teo amin' ny tobin' i Dana dia enin-jato amby fito arivo sy dimy alina sy iray hetsy. Dia ireo kosa no vodi-lalana. **32** Ireo no nalamina avy tamin' ny Zanak' Isiraely, araka ny fianakaviany; ny tontalin' izay nalamina tamin' ny toby rehetra, araka ny antokony, dia dimam-polo amby dimanjato amby telo arivo sy enina hetsy. **33** Fa ny Levita dia tsy mba niaraka nalamina tamin' ny Zanak' Isiraely, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **34** Ary ny Zanak' Isiraely dia nanao araka izay rehetra efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy ka nitoby araka ny fanevany avy, ary samy nandroso araka ny fokony avy sy ny fianakaviany avy izy.

3 Ary izao no taranak' i Arona sy Mosesy tamin' ny andro nitenenan' i Jehovah tamin' i Mosesy teo an-tendrombohitra Sinay. **2** Ny anaran' ny zanakalahin' i Arona dia Nadaba lahimatoa sy Abiho ary Eleazara sy Itamara. **3** Ireo no anaran' ny zanakalahin' i Arona, dia ny mpisorona voahosotra, izay natokana hanao fisoronana. **4** Fa maty teo anatrehan' i Jehovah Nadaba sy Abiho tamin' izy nanatitra afo tsy izy teo anatrehan' i Jehovah tany an-efitr' i Sinay, sady samy tsy nanan-janaka izy mirahalahy; ary Eleazara sy Itamara no nanao fisoronana teo anatrehan' i Arona rainy. **5** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **6** Ento ny firenen' i Levy hanatona, ka ampitoero eo anatrehan' i Arona mpisorona mba hanompo azy. **7** Dia hitandrina ny anjara-raharahan' i Arona sy ny anjara raharahan' ny fiangonana rehetra eo anoloan' ny trano-lay fihaonana izy, ka hanao ny fanompoana ao amin' ny tabernakely. **8** Dia hitandrina ny fanaka rehetra momba ny trano-lay fihaonana sy ny anjara-raharahan' ny Zanak' Isiraely izy ka hanao ny fanompoana ao amin' ny tabernakely. **9** Ary homenao an' i Arona sy ny zananilahy ny Levita; efa nomena azy mihitsy avy amin' ny Zanak' Isiraely ireo. **10** Ary Arona sy ny zananilahy hotendrenao hitandrina ny fisoronany; fa raha olon-kafa no manakaiky, dia hatao maty izy. **11** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **12** Indro, Izaho efa naka ny Levita avy tamin' ny Zanak' Isiraely ho solon' ny lahimatoa rehetra izay voalohan-teraka eo amin' ny Zanak' Isiraely: dia Ahy ny Levita, **13** satria Ahy ny lahimatoa rehetra; tamin' ilay andro namelezako ny voalohan-teraka rehetra tany amin' ny tany Egypta no nanamasinako ny voalohan-teraka rehetra eo amin' ny

Isiraely ho Ahy, na olona, na biby fiompy: Ahy ireo; Izaho no Jehovah. **14** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy tany an-efitr' i Sinay ka nanao hoe: **15** Alamino ny Levita araka ny fianakaviany sy ny fokony; ny lahy rehetra eo aminy hatramin' ny iray volana no ho miakatra no halaminao. **16** Ary Mosesy nandamina azy araka ny tenin' i Jehovah, araka izay efa nandidiana azy. **17** Ary izao no zanakalahin' i Levy, araka ny anarany: Gersona sy Kehata ary Merary. **18** Ary izao no anaran' ny zanakalahin' i Gersona, araka ny fianakaviany: Libny sy Simey. **19** Ary ny zanakalahin' i Kehata, araka ny fianakaviany, dia Amrama sy Jizara sy Hebrona ary Oziela. **20** Ary ny zanakalahin' i Merary, araka ny fianakaviany, dia Maly sy Mosy. Ireo no fokon' ny Levita, araka ny fianakaviany. **21** Avy tamin' i Gersona ny fokon' ny Libnita sy ny Simeita: Ireo no fokon' ny Gersonita. **22** Ary izay nalamina, araka ny isan' ny lahy rehetra hatramin' ny iray volana no ho miakatra, dia diman-jato amby fito arivo. **23** Ny fokon' ny Gersonita dia hitoby eo ivohon' ny tabernakely, dia eo andrefany. **24** Ary ny lohan' ny fianakavian' ny Gersonka dia Efiasafa, zanak' i Laela. **25** Ary ny anjara-raharahan' ny zanak' i Gersona eo amin' ny trano-lay fihaonana dia ny tabernakely sy ny lay sy ny firakony sy ny varavarana lamba amin' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, **26** ary ny fefi-lamban' ny kianja sy ny vavahady lamba amin' ny vavahadin' ny kianja, izay manodidina ny tabernakely sy ny alitara, ary ny kofehy rehetra momba azy. **27** Ary avy tamin' i Kehata ny fokon' ny Amramita sy ny fokon' ny Jizarita sy ny fokon' ny Hebronita ary ny fokon' ny Ozielita; ireo no fokon' ny Kehatita. **28** Ny isan' ny lahy rehetra hatramin' ny iray volana no ho miakatra, izay mpitandrina ny anjara-raharaha momba ny fitoerana masìna, dia enin-jato amby valo arivo. **29** Ny fokon' ny zanak' i Kehata dia hitoby eo amin' ny lafiny atsimo amin' ny tabernakely. **30** Ary ny lohan' ny fianakaviana amin' ny fokon' ny Kehatita dia Elisafana, zanak' i Oziela. **31** Ary ny anjara-raharahany dia ny fiara sy ny latabatra sy ny fanaovan-jiro sy ny alitara roa, ary ny fanaky ny fitoerana masìna, izay fanaovana fanompoam-pivavahana, ary ny varavarana lamba mbamin' ny zavatra rehetra fanaovana ny fanompoana momba azy. **32** Ary ny lehiben' ny lohan' ny Levita dia Eleazara, zanak' i Arona mpisorona, izay lehiben' ny mpitandrina ny anjara-raharaha ny amin' ny fitoerana masìna. **33** Avy tamin' i Merary ny fokon' ny Malita sy ny fokon' ny Mosita; Ireo no fokon' i Merary. **34** Ary izay nalamina, araka ny isan' ny lahy rehetra hatramin' ny iray volana no ho miakatra, dia roan-jato amby enina arivo, **35** Ary ny lohan' ny fianakaviana amin' ny fokon' i Merary dia Zoriela, zanak' i Abihaila; ireo no hitoby eo amin' ny lafiny avaratra amin' ny tabernakely. **36** Ary ny anjara-raharahan' ny zanak' i Merary dia ny zana-kazo amin' ny tabernakely sy ny barany sy ny andriny ary ny faladiany, ary ny fanaka rehetra momba azy, sy ny zavatra rehetra enti-manao fanompoana ao, **37** ary ny tsangantsangan' ny kianja manodidina sy ny faladiany sy ny tsimany ary ny kofehiny. **38** Ary ny mitoby eo anoloan' ny tabernakely atsinanany, dia eo anoloan' ny trano-lay fihaonana, tandrifin' ny fiposahan' ny masoandro, dia Mosesy sy Arona ary ny zanany, izay mpitandrina ny anjara-raharaha momba ny fitoerana masìna, dia ny anjara-raharahan' ny Zanak' Isiraely; ary raha olon-kafa no manakaiky, dia hatao maty izy. **39** Ny tontalin' izay nalamina avy tamin' ny Levita, dia izay nalamin' i Mosesy sy Arona araka ny didin' i Jehovah, avy tamin' ny fokony, ny lahy rehetra hatramin' ny iray volana no ho miakatra, dia roa arivo amby roa alina. **40** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Alamino ny lahimatoa rehetra eo amin' ny Zanak' Isiraely hatramin' ny iray volana no ho miakatra, ka alao isa ny anarany. **41** Ary alao ho Ahy ny Levita ho solon' ny lahimatoa rehetra eo amin' ny Zanak' Isiraely: Izaho no Jehovah; ary ny biby fiompin' ny Levita ho solon' ny voalohan-teraka rehetra amin' ny biby fiompin' ny Zanak' Isiraely. **42** Dia nalamin' i Mosesy ny lahimatoa rehetra teo amin' ny Zanak' Isiraely, araka izay efa nandidian' i Jehovah azy. **43** Ary ny lahimatoa rehetra, araka ny anarany tsirairay hatramin' ny iray volana no ho miakatra, izay nalamina avy taminy dia telo amby fito-polo sy roan-jato sy roa arivo sy roa alina. **44** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **45** Alao ny Levita ho solon' ny lahimatoa rehetra eo amin' ny Zanak' Isiraely; ary ny biby fiompin' ny Levita ho solon' ny biby fiompiny: Ahy ny Levita; Izaho no Jehovah. **46** Ary ny amin' ny avotry ny telo amby fito-polo sy roan-jato amin' ny lahimatoan' ny Zanak' Isiraely, izay mihoatra isa noho ny Levita, **47** dia hangalanao sekely dimy isan-olona; araka ny sekely masìna no hangalanao azy (gera roa-polo ny sekely iray). **48** Dia homenao an' i Arona sy ny zanany ny vola ho avotr' ireo mihoatra isa ireo. **49** Ary Mosesy nandray ny vola izay avotry ny nihoatra isa noho ny voavotry ny Levita; **50** tamin' ny lahimatoan' ny Zanak' Isiraely no nandraisany ny vola, dia sekely dimy amby enim-polo sy telon-jato sy arivo, araka ny sekely masìna; **51** dia nomen' i Mosesy an' i Arona sy ny zanany izany vola avotra izany, araka ny tenin' i Jehovah, dia araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy.

4 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **2** Alao isa ny taranak' i Kehata eo amin' ny taranak' i Levy, araka ny fokony sy ny fianakaviany, **3** hatramin' ny telo-polo taona ka hatramin' ny dimam-polo taona, dia izay rehetra miditra amin' ny antokony hanao raharaha ao amin' ny trano-lay fihaonana. **4** Izao no ho fanompoan' ny taranak' i Kehata ao amin' ny trano-lay fihaonana, dia ny zavatra masìna indrindra: **5** Ary raha hifindra ny toby, dia hiditra Arona sy ny zanany ka hampidina ny efitra lamba fanakonana; ary hasarony ny fiaran' ny Vavolombelona' izany; **6** ary hodi-takasy no hataony sarona eo amboniny, ka lamba volon' ondry manga tokam-bolo no hovelariny hasarony eo ambonin' io, dia hataony eo aminy ny baony. **7** Ary hamelatra lamba, volon' ondry manga eo ambonin' ny latabatry ny mofo aseho izy, ka hataony eo ny lovia sy ny lovia kely sy ny kapoaka ary ny fitoeran-divay ho fanidinana; ary ny mofo aseho dia hataony eo amboniny. **8** Dia hovelarany lamba jaky eo amboniny izy, ka hosaronany amin' ny sarona hodi-takasy izany; dia hataony eo aminy ny baony. **9** Dia haka lamba volon' ondry manga izy, ka

hasarony ny fanaovan-jiro fanazavana sy ny lela fanaovan-jirony sy ny hetin-jirony sy ny fitoeran-davenon-jirony ary ny fitoeran-diloilo rehetra eo, izay anaovana ny fanompoam-pivavahana; **10** ary ireo sy ny fanaka rehetra momba azy dia hataony ao anatin' ny sarona hodi-takasy ka hatainginy eo ambonin' ny filanjana azy. **11** Ary hamelatra lamba manga eo ambonin' ny alitara volamena izy, dia hosaronany sarona hodi-takasy, ary hataony eo aminy ny baony; **12** dia halainy ny fanaka rehetra enti-manompo, dia izay fanaovany fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna, ka hataony ao anaty lamba volon' ondry manga ka hosaronany sarona hodi-takasy, dia hatainginy eo ambonin' ny filanjana azy. **13** Dia hanaisotra ny lavenona amin' ny alitara izy ka hamelatra lamba volomparasy eo amboniny. **14** Ary hapetrany eo amboniny avokoa ny fanaka rehetra momba azy, izay fanaovana fanompoan-pivavahana eo, dia ny fitondran' afony sy ny fitrebiny sy ny sotron' afony ary ny loviany famafazana, dia ny fanaka rehetra momba ny alitara; ary hovelarany sarona hodi-takasy eo amboniny izy, dia hataony eo aminy ny baony. **15** Ary rehefa vitan' i Arona sy ny zanany ny manarona ny fitoerana masìna sy ny fanaka rehetra momba azy, ka efa hifindra ny toby, dia vao izay no ho avy ny zanak' i Kehata hitondra azy; fa tsy hikasika ny fitoerana masìna izy, fandrao maty. Izany zavatra momba ny trano-lay fihaonana izany no ho anjara entan' ny taranak' i Kehata. **16** Ary ny raharahan' i Eleazara, zanak' i Arona mpisorona, dia ny diloilo hatao fanazavana sy ny ditin-kazo mani-pofona sy ny fanatitra hohanina fanao isan' andro ary ny diloilo fanosorana, dia ny raharaha rehetra amin' ny tabernakely sy izay rehetra ao anatiny amin' ny fitoerana masìna sy ny fanaka momba azy. **17** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **18** Ataovy izay tsy hahafongotra ny fokon' ny Kehatita tsy ho amin' ny Levita: **19** fa izao no hataonareo aminy, mba ho velona izy ka tsy ho faty, raha manatona ny zavatra masìna indrindra: Arona ny ny zanany ihany no hahazo miditra ka hanendry azy rehetra samy ho amin' ny fanompoany avy sy amin' ny entany avy; **20** fa izy dia tsy hiditra hijery ny fitoerana masìna, na dia indray mipi-maso akory aza, fandrao maty. **21** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **22** Alao isa koa ny taranak' i Gersona, araka ny fianakaviany sy ny fokony avy; **23** ny hatramin' ny telo-polo taona ka hatramin' ny dimam-polo taona no halaminao, dia izay rehetra miditra amin' ny antokony hanao fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana. **24** Izao no ho fanompoan' ny fokon' ny Gersonita hanompoany sy hitondrany entana: **25** ny ambain' ny tabernakely sy ny trano-lay fihaonana sy ny firakony sy ny sarona hodi-takasy izay eo amboniny, ary ny varavarana lamba amin' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, **26** ary ny fefy lamban' ny kianja sy ny vavahady lamba amin' ny vavahadin' ny kianja, izay manodidina ny tabernakely sy ny alitara, ary ny kofehiny mbamin' ny fiasana rehetra momba azy; ary izay rehetra hatao amin' ireo no ho fanompoany. **27** Araka ny tenin' i Arona sy ny zanany no hanaovan' ny Gersonita ny fanompoany amin' ny entany rehetra sy ny fanompoany rehetra; ary hatolotrao azy ho anjara-raharahany ny zavatra rehetra izay ho entiny. **28** Izany no ho fanompoan' ny fokon' ny Gersonita ny amin' ny trano-lay fihaonana; ary ny ho mpifehy azy amin' izany anjara-raharahany izany dia Itamara, zanak' i Arona mpisorona. **29** Ny amin' ny taranak' i Merary, dia araka ny fokony sy ny fianakaviany no handaminanao azy; **30** ny hatramin' ny telo-polo taona ka hatramin' ny dimam-polo taona no halaminao, dia izay rehetra miditra amin' ny antokony hanao ny fanompoana momba ny trano-lay fihaonana. **31** Ary izao no ho anjara-raharahany ny amin' ny entana araka ny fanompoany rehetra ao amin' ny trano-lay fihaonana: ny zana-kazo amin' ny tabernakely sy ny barany sy ny andriny sy ny faladiany, **32** sy ny tsangantsangan' ny kianja manodidina sy ny faladiany sy ny tsimany rehetra ary ny kofehy momba ny fiasana rehetra sy ny zavatra rehetra enti-manao fanompoana ao; ary araka ny anarany avy no handaminanareo ny fanaka izay anjarany ho entina. **33** Izany no ho fanompoan' ny fokon' ny taranak' i Merary, araka ny fanompoany rehetra ao amin' ny trano-lay fihaonana, ary Itamara, zanak' i Arona mpisorona, no ho mpifehy azy. **34** Ary Mosesy sy Arona ary ny lohan' ny fiangonana nandamina ny taranaky ny Kehatita, araka ny fokony sy ny fianakaviany avy, **35** hatramin' ny telo-polo taona ka hatramin' ny dimam-polo taona, dia izay rehetra niditra tamin' ny antokony hanao fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana. **36** Ary izay nalamina taminy, araka ny fokony, dia dimam-polo amby fiton-jato sy roa arivo. **37** Ireo no nalamina tamin' ny fokon' ny Kehatita, dia izay rehetra manao fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana, izay nalamin' i Mosesy sy Arona araka ny didin' i Jehovah nampitondrainy an' i Mosesy. **38** Ary izay nalamina tamin' ny taranak' i Gersona, araka ny fokony sy ny fianakaviany, **39** hatramin' ny telo-polo taona ka hatramin' ny dimam-polo taona, dia izay rehetra niditra amin' ny antokony hanao fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana **40** izay nalamina taminy, araka ny fokony sy ny fianakaviany, dia telo-polo amby enin-jato sy roa arivo. **41** Ireo no nalamina tamin' ny fokon' ny taranak' i Gersona, izay rehetra manao fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana, dia izay nalamin' i Mosesy sy Arona araka ny didin' i Jehovah. **42** Ary izay nalamina tamin' ny fokon' ny taranak' i Merary, araka ny fokony sy ny fianakaviany **43** hatramin' ny telo-polo taona ka hatramin' ny dimam-polo taona, dia izay rehetra niditra tamin' ny antokony, hanao fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana, **44** izay nalamina taminy, araka ny fokony, dia roan-jato sy telo arivo; **45** ireo no nalamina tamin' ny fokon' ny taranak' i Merary, izay nalamin' i Mosesy sy Arona araka ny didin' i Jehovah izay nampitondrainy an' i Mosesy. **46** Ny tontalin' ny taranak' i Levy izay nalamin' i Mosesy sy Arona mbamin' ny lohan' ny Isiraely, araka ny fokony sy ny fianakaviany **47** hatramin' ny telo-polo taona ka hatramin' ny dimam-polo taona, dia izay rehetra niditra hanao raharaha amin' ny fanompoana sy ny fitondrana entana ao amin' ny trano-lay fihaonana, **48** izay nalamina taminy dia valo-polo amby diman-jato sy valo arivo. **49** Araka ny didin' i Jehovah izay nampitondrainy an' i Mosesy no nandaminany azy samy ho amin' ny fanompoany avy sy ny anjara-entany avy ary

ny zavatra nalamina araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy.

5 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mandidia ny Zanak' Isiraely hamoaka ny boka rehetra sy ny marary mitsika rehetra ary ny maloto amim-paty rehetra hiala amin' ny toby; **3** na lehilahy na vehivavy dia samy havoakanareo any ivelan' ny toby, mba tsy handoto ny tobiny izay itoerako eo afovoany. **4** Dia nanao izany ny Zanak' Isiraely ka namoaka ireny ho any ivelan' ny toby; araka izay nolazain' i Jehovah tamin' i Mosesy no nataon' ny Zanak' Isiraely. **5** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **6** Lazao amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha misy lehilahy na vehivavy manao izay mety ho fahotan' ny olona ka manao izay mahadiso amin' i Jehovah ary meloka, **7** dia tsy maintsy hiaiky ny fahotana izay nataony izy ary hanonitra ny amin' ny fahadisoany ka hanampy azy ho tonga avy fahenina, ary homeny an' ilay nanaovany diso. **8** Fa raha tàhiny tsy manana havana akaiky haterany ny fanonerana ny amin' ny fahadisoany ilay olona, ny zavatra naterina ho fanonerana dia ho an' i Jehovah ka ho an' ny mpisorona, ho fanampin' ny ondrilahy fanavotana izay hanaovany fanavotana ho azy. **9** Ary ny fanatitra rehetra alaina amin' ny zava-masìna rehetra aterin' ny Zanak' Isiraely, izay ateriny ho an' ny mpisorona, dia ho azy izany. **10** Ary ho azy ny zava-masìna aterin' ny olona rehetra; na inona na inona omen' olona ho an' ny mpisorona, dia ho azy izany. **11** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **12** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely, ka lazao aminy hoe: Na iza na iza vadin' olona mivily ka manao izay mahadiso azy amin' ny lahy, **13** fa nisy lehilahy nandry taminy, nefa tsy hitan' ny lahy, fa miafina, ary voaloto ravehivavy, nefa tsy misy vavolombelona hiampanga azy, ary tsy azo olantanana izy; **14** kanefa misy fiahiahiana ao amin' ny lahy, ka miahiahy ny vadiny izy, sady efa voaloto ravehivavy; na misy fiahiahiana ao amin' ny lahy, ka miahiahy ny vadiny izy, kanjo tsy voaloto ravehivavy; **15** dia ho entin' ny lahy ho eo amin' ny mpisorona ny vadiny, ary hitondra ny fanatiny noho ny vavy izy, dia kobam-bary hordea ampahafolon' ny efaha; tsy hanidinany diloilo izany, sady tsy hasiany ditin-kazo mani-pofona, satria fanatitra noho ny ahiahy izany, dia fanati-pahatsiarovana, hampahatsiaro heloka. **16** Ary hampanakaiky azy ny mpisorona ka hampitoetra azy eo anatrehan' i Jehovah; **17** dia haka rano masìna amin' ny lovia tany ny mpisorona; ary ny vovoka eo amin' izay itoeran' ny tabernakely dia hangalan' ny mpisorona ka hataony amin' ny rano; **18** ary ravehivavy dia hampitoeran' ny mpisorona eo anatrehan' i Jehovah, ka harakarakany ny volondohan-dravehivavy, ary hataony eo an-tànany ny fanati-pahatsiarovana, dia ny fanatitra noho ny ahiahy; ary ho eo an-tànan' ny mpisorona ny ranom-pangidiana izay mitondra ozona; **19** dia hampianiana an-dravehivavy ny mpisorona ka hanao aminy hoe: Raha tsy nisy lehilahy nandry taminao, ka tsy nivily niala tamin' ny vadinao ho amin' ny fahalotoana ianao, dia afaka amin' ity ranom-pangidiana mitondra ozona ity; **20** fa raha nivily niala tamin' ny vadinao kosa ianao ka voaloto ihany, fa nisy lehilahy nandry taminao, afa-tsy ny vadinao, **21** dia hampianiana an-dravehivavy ny mpisorona mba hiozona, ka hanao aminy hoe: Jehovah anie hanao anao ho fiozonana sy ho fianianana eo amin' ny firenenao, amin' ny fampifezahan' i Jehovah ny fenao sy ny fampivontosany ny kibonao; **22** ary ity rano mitondra ozona ity dia hiditra ao an-kibonao ka hampivonto ny kibonao sy hampifezaka ny fenao. Ary ravehivavy hanao hoe: Amena, amena. **23** Ary hosoratan' ny mpisorona amin' ny taratasy izany fiozonana izany ka hosasany eo amin' ny rano mangidy ny soratra; **24** dia hampisotroiny an-dravehivavy ny ranom-pangidiana mitondra ozona; atỳ ny rano izay mitondra ozona dia hiditra ao anatiny ho zava-mangidy. **25** Dia halain' ny mpisorona eo an-tànan-dravehivavy ny fanatitra noho ny ahiahy; ary hahevahevany eo anatrehan' i Jehovah izany ka hateriny eo amin' ny alitara. **26** Dia horaofin' ny mpisorona ny fanati-pahatsiarovana avy amin' ny fanatitra ka hodorany ho fofona eo ambonin' ny alitara; ary rehefa afaka izany, dia hampisotroiny io rano io ravehivavy. **27** Ary rehefa nampisotroina ny rano izy, ary voaloto, satria nanao izay nahadiso azy tamin' ny vadiny, dia hiditra ao anatiny ho zava-mangidy ny rano mitondra ozona, ary hivonto ny kibony, sady hifezaka ny feny; ka dia ho fiozonana eo amin' ny fireneny ravehivavy. **28** Nefa kosa, raha tsy voaloto ravehivavy, fa madio, dia ho afaka izy ka hanan' anaka. **29** Izany no lalàna ny amin' ny ahiahy, raha misy vehivavy mivily miala amin' ny vadiny ka voaloto; **30** na misy lehilahy azon' ny fiahiahiana ka miahiahy ny vadiny; dia hampitoetra ny vadiny eo anatrehan' i Jehovah izy, ary ny mpisorona hanefa izany lalàna rehetra izany aminy. **31** Dia tsy hanan-tsiny ralehilahy, fa ravehivavy kosa ho meloka.

6 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha misy lehilahy na vehivavy mivoady hitokana ho Nazirita mba hitokana ho an' i Jehovah, **3** dia hifady divay sy toaka izy; tsy hisotro divay efa maharikivy na toaka efa maharikivy izy, ary tsy hisotro ranom-boaloboka izy, na hihinana voaloboka akory, na ny lena, na ny maina. **4** Amin' ny andro fitokanany rehetra dia tsy hihinana izay atao amin' ny voaloboka hatramin' ny voany ka hatramin' ny hodiny izy. **5** Amin' ny andro rehetra izay nivoadiany hitokana dia tsy hokasihin-kareza ny lohany; mandra-pahatapitry ny andro izay nitokanany ho an' i Jehovah dia ho masìna izy, ka havelany haniry ny volondohany. **6** Amin' ny andro rehetra izay itokanany ho an' i Jehovah dia tsy hiditra am-paty izy; **7** aoka tsy handoto tena izy na dia amin' ny rainy, na ny reniny, na ny rahalahiny, na ny anabaviny aza, raha maty ireo, satria eo amin' ny lohany ny fitokanana ho an' Andriamaniny. **8** Amin' ny andro fitokanany rehetra dia ho masìna ho an' i Jehovah izy. **9** Ary raha misy olona maty tampoka eo anilany ka mandoto ny lohany izay fitokanany dia hanaratra ny lohany amin' ny andro fanadiovana azy izy, dia amin' ny andro fahafito no hanaratany azy; **10** ary amin' ny andro fahavalo dia hitondra domohina roa na zana-boromailala roa ho eo amin' ny mpisorona, eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana izy. **11** Ary ny mpisorona

dia hanatitra ny anankiray ho fanatitra noho ny ota, ary ny anankiray kosa ho fanatitra dorana, dia hanao fanavotana ho azy, satria nanota ny amin' ny faty izy; ary hanamasina ny lohany amin' izany andro izany izy. **12** Dia hanokana ho an' i Jehovah ny androny fitokanany izy ka hitondra ondrilahy iray izay iray taona ho fanati-panonerana; fa ho very ny andro teo aloha, satria voaloto ny fitokanany **13** Ary izao no lalàna ny amin' ny Nazirita: Rehefa tapitra ny andro fitokanany, dia ho entina ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana izy; **14** ary hanatitra ny fanatiny ho an' i Jehovah izy, dia ondrilahy iray izay iray taona tsy misy kilema ho fanatitra dorana, ary ondrivavy iray izay iray taona tsy misy kilema ho fanatitra noho ny ota, ary ondrilahy iray tsy misy kilema ho fanati-pihavanana, **15** ary mofo tsy misy masirasira iray harona, dia mofo atao amin' ny koba tsara toto voaharo diloilo sy mofo manify tsy misy masirasira sady voahoso-diloilo, mbamin' ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra aidina momba azy. **16** Dia haterin' ny mpisorona eo anatrehan' i Jehovah ireo; ary hateriny koa ny fanatiny noho ny ota sy ny fanatitra dorany; **17** dia hateriny ny ondrilahy ho fanati-pihavanana ho an' i Jehovah mbamin' ny mofo tsy misy masirasira iray harona; ary haterin' ny mpisorona koa ny fanatitra hohaniny sy ny fanatitra aidiny. **18** Ary ny Nazirita hanaratra, ny lohany izay fitokanany eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, ary horaisiny ny volon-dohany fitokanany ka hataony eo amin' ny afo izay eo ambanin' ny fanati-pihavanana. **19** Dia halain' ny mpisorona ny sorok' ondrilahy izay efa masaka sy mofo iray tsy misy masirasira avy amin' ny harona ary mofo manify iray tsy misy masirasira ka hataony eo amin' ny tanan' ny Nazirita, rehefa voaharatra ny lohany izay fitokanany. **20** Dia hahevahevan' ny mpisorona ireo ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah; ho masìna izany ho an' ny mpisorona ho fanampin' ny tratra ahevaheva sy ny soroka asandratra; ary rehefa afaka izany, dia vao mahazo misotro divay ny Nazirita. **21** Izany no lalàna ny amin' ny Nazirita, izay mivoady hitondra fanatitra ho an' i Jehovah noho ny fitokanany, afa-tsy izay zavatra hafa tratry ny ananany; araka ny voady izay nivoadiany no hataony, araka ny lalàna ny amin' ny fitokanany. **22** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **23** Mitenena amin' i Arona sy ny zanany hoe: Izao no teny ho entinareo mitsodrano ny Zanak' Isiraely: **24** Hitahy anao anie Jehovah ka hiaro anao; **25** Hampamirapiratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hamindra fo aminao; **26** Hanandratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hanome anao fiadanana. **27** Dia hametraka ny anarako amin' ny Zanak' Isiraely izy; ary Izaho hitahy azy.

7 Ary tamin' ny andro izay nahavitan' i Mosesy ny nananganana ny tabernakely dia nanosotra sy nanamasina azy izy mbamin' ny fanaka rehetra momba azy ary ny alitara sy ny fanaka rehetra momba azy; ary rehefa nanosotra sy nanamasina ireo izy, **2** dia nitondra fanatitra ny lohan' ny firenen' ny Isiraely, dia ny lohan' ny fianakaviana (ireo no lohan' ny firenena, izay nifehy ny voalamina). **3** Ary izy ireo nitondra ny fanatiny teo anatrehan' i Jehovah, dia sariety enina mirakotra sy omby roa ambin' ny folo, dia sariety iray no avy amin' ny lohan' ny firenena roa, ary omby iray avy; dia nitondra ireo teo anoloan' ny tabernakely izy. **4** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **5** Raiso aminy ireo hanaovana ny fanompoana momba ny trano-lay fihaonana, ka omeo ny Levita, dia samy araka ny fanompoany avy. **6** Dia noraisin' i Mosesy ny sariety sy ny omby ka nomeny ny Levita. **7** Sariety roa sy omby efatra no nomeny ho an' ny taranak' i Gersona, araka ny fanompoany; **8** ary sariety efatra sy omby valo no nomeny ho an' ny taranak' i Merary, araka ny fanompoany, eo amin' ny fehin' Itamara, zanak' i Arona mpisorona. **9** Fa ny taranak' i Kehata kosa dia tsy mba nomeny na dia iray akory aza, satria ny fanompoana momba ny fitoerana masìna no azy, ka eo an-tsorony ihany no hilanjany azy. **10** Dia ny lohan' ny firenena no nanatitra ho amin' ny fitokanana ny alitara tamin' ny andro izay nanosorana azy; koa dia samy nanatitra ny fanatiny teo anoloan' ny alitara izy. **11** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Aoka ny lohan' ny firenena samy hanatitra ny fanatiny amin' ny an' androny avy ho amin' ny fitokanana ny alitara. **12** Ary ny nanatitra ny fanatiny tamin' ny andro voalohany dia Nasona, zanak' i Aminadaba, avy tamin' ny firenen' i Joda. **13** Ary ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **14** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **15** ary vantotr' ombilahy iray sy ondrilahy iray ary zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **16** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **17** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Nasona, zanak' i Aminadaba. **18** Ary tamin' ny andro faharoa dia Netanela, zanak' i Zoara, lohan' ny taranak' Isakara, no nanatitra. **19** Nanatitra ny fanatiny izy, dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **20** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **21** ary vantotr' ombilahy iray sy ondrilahy iray sy zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **22** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **23** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Netanela, zanak' i Zoara. **24** Ary tamin' ny andro fahatelo dia Eliaba, zanak' i Helona, lohan' ny taranak' i Zebolona, no nanatitra. **25** Ny fanatiny dia lovia volafotsy, iray sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **26** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **27** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **28** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota; **29** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Eliaba, zanak' i

Helona. **30** Ary tamin' ny andro fahefatra dia Elizora, zanak' i Sedeora, lohan' ny taranak' i Robena, no nanatitra. **31** Ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **32** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno dinti-kazo manitra; **33** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **34** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **35** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray ireo no fanatitr' i Elizora, zanak' i Sedeora. **36** Ary tamin' ny andro fahadimy dia Selomiela, zanak' i Zorisaday, lohan' ny taranak' i Simeona, no nanatitra. **37** Ny fanatiny dia Lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **38** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **39** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **40** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota; **41** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Selomiela, zanak' i Zorisaday, **42** Ary tamin' ny andro fahenina dia Eliasafa, zanak' i Doela, lohan' ny taranak' i Gada, no nanatitra. **43** Ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **44** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **45** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **46** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **47** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Eliasafa, zanak' i Doela. **48** Ary tamin' ny andro fahafito dia Elisama, zanak' i Amihoda, lohan' ny taranak' i Efraima, no nanatitra. **49** Ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **50** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **51** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **52** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **53** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondrilahy dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Elisama, zanak' i Amihoda. **54** Ary tamin' ny andro fahavalo dia Gamaliela, zanak' i Pedazora, lohan' ny taranak' i Manase, no nanatitra. **55** Ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **56** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **57** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **58** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **59** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Gamaliela, zanak' i Pedazora. **60** Ary tamin' ny andro fahasivy dia Abidana, zanak' i Gideony, lohan' ny taranak' i Benjamina, no nanatitra. **61** Ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **62** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **63** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona ho fanatitra dorana; **64** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **65** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Abidana, zanak' i Gideony. **66** Ary tamin' ny andro fahafolo Ahiezera, zanak' i Amisaday, lohan' ny taranak' i Dana, no nanatitra. **67** Ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, dia sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **68** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **69** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **70** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **71** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Ahiezera, zanak' i Amisaday. **72** Ary tamin' ny andro fahiraika ambin' ny folo dia Pagiela, zanak' i Okrana, lohan' ny taranak' i Asera, no nanatitra. **73** Ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **74** lovia kely volamena iray, sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **75** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra dorana; **76** osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **77** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Pagiela, zanak' i Okrana. **78** Ary tamin' ny andro faharoa ambin' ny folo dia Ahira, zanak' i Enana, lohan' ny taranak' i Naftaly, no nanatitra. **79** Ny fanatiny dia lovia volafotsy iray, sekely telo-polo amby zato no lanjany, sy lovia volafotsy iray famafazana, sekely fito-polo, araka ny sekely masìna; izy roa samy feno koba tsara toto voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina; **80** lovia kely volamena iray, dia sekely folo, feno ditin-kazo manitra; **81** vantotr' ombilahy iray, ondrilahy iray, zanak' ondry iray izay iray taona, ho fanatitra odorana; **82** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota; **83** ary ho fanati-pihavanana dia omby roa, ondrilahy dimy, osilahy dimy, zanak' ondry dimy izay iray taona; ireo no fanatitr' i Ahira, zanak' i Enana. **84** Ireo no zavatra naterin' ny lohan' ny Isiraely ho amin' ny fitokanana ny alitara tamin' ny andro izay nanosorana azy: lovia volafotsy roa ambin' ny folo, lovia volafotsy roa ambin' ny folo famafazana, lovia kely volamena roa ambin' ny folo; **85** sekely telo-polo amby zato avy no lanjan' ny lovia volafotsy, ary sekely fito-polo

avy ny lovia famafazana; ny lanjan' ny volafotsy rehetra tamin' ireo fanaka ireo dia sekely efa-jato amby roa arivo, araka ny sekely masìna; **86** lovia kely volamena roa ambin' ny folo, feno ditin-kazo manitra, dia sekely masìna; ny lanjan' ny lovia kely volamena rehetra dia sekely roa-polo amby zato. **87** Ny isan' ny biby rehetra izay natao fanatitra dorana dia vantotr' ombilahy roa ambin' ny folo, ondrilahy roa ambin' ny folo, zanak' ondry roa ambin' ny folo, izay samy iray taona, mbamin' ny fanatitra hohanina momba azy, ary osilahy roa ambin' ny folo ho fanatitra noho ny ota. **88** Ary ny isan' ny biby rehetra izay natao fanati-pihavanana dia vantotr' ombilahy efatra amby roa-polo, ondrilahy enim-polo, osilahy enim-polo, zanak' ondry enim-polo, izay samy iray taona. Izany no nateriny ho amin' ny fitokanana ny alitara, rehefa voahosotra izy. **89** Ary rehefa niditra tao amin' ny trano-lay fihaonana Mosesy mba hiteny amin' Andriamanitra, dia nandre ny feo miresaka aminy izy avy tao amin' ny rakotra fanaovam-panavotana izay teo ambonin' ny fiaran' ny Vavolombelona, avy eo anelanelan' ny kerobima roa; dia niteny taminy Jehovah.

8 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' i Arona hoe: Raha mampirehitra ny jiro fito ianao, dia ataovy mahazava ny eo anoloan' ny fanaovan-jiro izy. **3** Dia nataon' i Arona izany, fa nampirehetiny ny jiro mba hahazava ny eo anoloan' ny fanaovan-jiro, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **4** Ary izao no toetry ny fanaovan-jiro; volamena novoasana izy; hatramin' ny faladiany sy ny voniny aza dia samy novoasana avokoa; araka ny endrika izay nasehon' i Jehovah an' i Mosesy no nanaovany ny fanaovan-jiro. **5** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **6** Alao ny Levita avy amin' ny Zanak' Isiraely, ka diovy izy. **7** Ary izao no hataonao aminy hanadiovana azy: Fafazo rano fanadiovana izy, ary asaovy haratany avokoa ny tenany rehetra, ary aoka hosasany ny fitafiany, ka dia hadio izy. **8** Dia asaovy maka vantotr' ombilahy iray izy mbamin' ny fanatitra hohanina fombany, dia koba tsara toto voaharo diloilo; ary vantotr' ombilahy iray koa no halainao ho fanatitra noho ny ota. **9** Ary ento ny Levita hankeo anoloan' ny trano-lay fihaonana; ary vorio ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra. **10** Ary ento ny Levita hankeo anatrehan' i Jehovah; ary ny Zanak' Isiraely hametraka ny tànany aminy; **11** ary Arona dia hanatitra ny Levita eo anatrehan' i Jehovah ho fanatitra ahevaheva avy amin' ny Zanak' Isiraely, mba hanao ny fanompoana an' i Jehovah izy. **12** Ary ny Levita hametraka ny tànany amin' ny lohan' ny vantotr' ombilahy roa; dia atero ny anankiray ho fanatitra noho ny ota, ary ny anankiray kosa ho fanatitra dorana ho an' i Jehovah, hanaovana fanavotana ho an' ny Levita. **13** Ary apetraho eo anatrehan' i Arona sy ny zanany ny Levita, ka atero ho fanatitra ahevaheva ho an' i Jehovah izy. **14** Ary ampiavaho amin' ny Zanak' Isiraely ny Levita, dia ho Ahy izy. **15** Ary rehefa afaka izany, dia hiditra ny Levita hanao fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana. Dia hodiovinao toy izany izy ka haterinao ho fanatitra ahevaheva; **16** fa efa nomena ho Ahy avy tamin' ny Zanak' Isiraely mihitsy izy; ho solon' izay voalohan-teraka rehetra, dia izay lahimatoa rehetra amin' ny Zanak' Isiraely, no nanalako azy ho Ahy. **17** Fa Ahy ny voalohan-teraka rehetra amin' ny Zanak' Isiraely, na olona na biby fiompy; tamin' ilay andro namelezako ny voalohan-teraka rehetra tany amin' ny tany Egypta no nanamasinako azy ho Ahy. **18** Ary efa nalaiko ny Levita ho solon' ny lahimatoa rehetra amin' ny Zanak' Isiraely. **19** Ary nomeko ho an' i Arona sy ny zanany mihitsy ny Levita, avy amin' ny Zanak' Isiraely, hanao ny fanompoan' ny Zanak' Isiraely ao amin' ny trano-lay fihaonana sy hanao fanavotana ho an' ny Zanak' Isiraely, mba tsy hisy areti-mandringana hanjo azy, raha manakaiky ny fitoerana masìna izy. **20** Dia nataon' i Mosesy sy Arona mbamin' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, tamin' ny Levita izany; araka izay rehetra efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy ny amin' ny Levita no nataon' ny Zanak' Isiraely taminy. **21** Dia nodiovin' ny Levita ny tenany ho afaka ota, ary nosasany ny fitafiany; ary Arona nanatitra azy ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan' i Jehovah sady nanao fanavotana ho azy hanadiovana azy. **22** Ary rehefa afaka izany, dia niditra ny Levita hanao ny fihaonana teo anatrehan' i Arona sy ny zanany; araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy ny amin' ny Levita no nataony taminy. **23** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **24** Ny amin' ny Levita dia izao: Hatramin' ny dimy amby roa-polo taona no ho miakatra izy no hanatona hilatsaka amin' ny antokony hanao ny fanompoana ao amin' ny trano-lay fihaonana; **25** fa rehefa dimam-polo taona kosa izy, dia hiala amin' ny antokon' ny fanompoana ka tsy hanompo intsony; **26** kanefa mahazo manampy ny rahalahiny ao amin' ny trano-lay fihaonana ihany izy mba hitandrina izay anjara-raharaha; fa tsy hanao fanompoana hafa izy. Izany no hataonao amin' ny Levita ny amin' ny anjara-raharahany.

9 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy tany an-efitr' i Sinay tamin' ny volana voalohany tamin' ny taona faharoa taorian' ny nivoahany avy tany amin' ny tany Egypta ka nanao hoe: **2** Aoka hotandreman' ny Zanak' Isiraely ny Paska amin' ny fotoany. **3** Amin' ny harivan' ny andro fahefatra ambin' ny folo amin' ity volana ity no hitandremanareo azy amin' ny fotoany; araka ny didy sy ny fanao rehetra aminy no hitandremanareo azy. **4** Ary Mosesy niteny tamin' ny Zanak' Isiraely mba hitandrina ny Paska. **5** Dia nitandrina ny Paska tany an-efitr' i Sinay izy tamin' ny harivan' ny andro fahefatra ambin' ny folo tamin' ny volana voalohany; araka izay rehetra efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy no nataon' ny Zanak' Isiraely. **6** Ary nisy olona sasany izay naloto tamim-paty ka tsy nahazo nitandrina ny Paska tamin' izany andro izany; dia nankeo anatrehan' i Mosesy sy Arona izy tamin' izany andro izany **7** ka nanao taminy hoe: Maloto tamim-paty izahay, ka nahoana no sakanana tsy hiaraka amin' ny Zanak' Isiraely hanatitra ny fanatitra ho an' i Jehovah amin' ny fotoany? **8** Fa hoy Mosesy taminy: Andraso aloha, fa hanontaniako izay handidian' i Jehovah ny aminareo. **9** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **10** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha misy olona eo

aminareo, na eo amin' ny taranakareo hatramin' ny fara mandimby, maloto amim-paty, na lasan-davitra, dia mbola hitandrina ny Paska ho an' i Jehovah ihany koa izy. **11** Amin' ny harivan' ny andro fahefatra ambin' ny folo amin' ny volana faharoa no hitandremany azy; ary hampiarahina amin' ny mofo tsy misy masirasira sy ny anana mangidy no fihinany azy. **12** Aza avela hasiany sisa ho tra-maraina, ary aza avela hisy hotapahiny ny taolany; araka ny lalàna rehetra ny amin' ny Paska ihany koa no hitandremany azy. **13** Fa ny olona izay madio sady tsy lasan-davitra, nefa tsy mety mitandrina ny Paska, dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny, satria tsy nanatitra ny fanatitra ho an' i Jehovah tamin' ny fotoany izy; ho meloka izany olona izany. **14** Ary raha misy mivahiny eo aminareo ka mba te-hitandrina ny Paska ho an' i Jehovah, dia araka ny didy sy ny fanao amin' ny Paska ihany no hanaovany azy; lalàna iray ihany no ho aminareo, na vahiny, na tompon-tany. **15** Ary tamin' ny andro izay nananganana ny tabernakely ny rahona dia nanarona ny tabernakely, dia ny trano-lain' ny Vavolombelona; ary nony hariva dia niseho teo ambonin' ny tabernakely tahaka ny afo izy mandra-pahamarain' ny andro. **16** Dia toy izany mandrakariva izy: ny rahona nanarona azy, nefa niseho tahaka ny afo izy nony alina. **17** Ary rehefa niakatra niala tamin' ny tranolay ny rahona, dia niainga ny Zanak' Isiraely, ka teo amin' izay nijanonan' ny rahona no nitobiany. **18** Araka ny didin' i Jehovah no niaingan' ny Zanak' Isiraely, ary araka ny didin' i Jehovah koa no nitobiany; tamin' ny andro rehetra izay nijanonan' ny rahona teo ambonin' ny tabernakely no nitobiany. **19** Ary na dia nijanona ela teo ambonin' ny tabernakely aza ny rahona, dia nitandrina izay nasain' i Jehovah notandremana ihany ny Zanak' Isiraely ka tsy niainga. **20** Fa indraindray kosa dia andro vitsy ihany no nijanonan' ny rahona teo ambonin' ny tabernakely; araka ny didin' i Jehovah ihany no nitobiany, ary araka ny didin' i Jehovah no niaingany. **21** Ary indraindray kosa dia nijanona hatramin' ny hariva ka hatramin' ny maraina ihany ny rahona, ary raha niakatra izy nony maraina, dia niainga ny Zanak' Isiraely; koa na andro na alina no niakaran' ny rahona, dia niainga izy. **22** Ary na indroa andro, na iray volana, na ela aza, no nijanonan' ny rahona teo ambonin' ny tabernakely dia mbola nitoby ihany ny Zanak' Isiraely, fa tsy niainga; fa raha niakatra kosa ny rahona, dia niainga izy. **23** Araka ny didin' i Jehovah no nitobiany, ary araka ny didin' i Jehovah no niaingany; nitandrina izay nasain' i Jehovah notandremany izy, araka ny tenin' i Jehovah izay nampitondrainy an' i Mosesy.

10 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Manaova trompetra volafotsy roa ho anao; voasana no hanaovanao azy; dia ho fiantsoanao ny fiangonana sy ho fampiainganao ny toby ireo. **3** Ary raha tsofina avokoa ireo, dia hivory eo aminao, eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana, ny fiangonana rehetra. **4** Fa raha ny iray ihany no tsofina, dia ny lohan' ny firenena, izay mpifehy arivo amin' ny Isiraely, ihany no hivory eo aminao. **5** Fa raha mitsoka ho fampitairana ianareo, dia hiainga ny toby izay mitoetra eo atsinanana. **6** Ary raha mitsoka ho fampitairana fanindroany ianareo, dia hiainga ny toby izay mitoetra eo atsimo; fampitairana no hatao fiaingany. **7** Fa raha hampivory ny fiangonana kosa ianareo, dia hitsoka fotsiny, fa tsy hanao fampitairana. **8** Ary ireo mpisorona, zanak' i Arona, no hitsoka ny trompetra; dia ho lalàna mandrakizay ho anareo hatramin' ny taranakareo fara mandimby izany. **9** Ary raha misy ady eo amin' ny taninareo, ka mandeha hiady amin' ny fahavalo izay mampahory anareo ianareo, dia hitsoka ireo trompetra ireo ho fampitairana, dia hotsarovana eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo ka hovonjena amin' ny fahavalonareo. **10** Ary amin' ny andro fifalianareo, sy amin' ny fotoam-pivavahanareo, ary amin' ny voaloham-bolanareo no hitsofanareo ny trompetra, raha manao ny fanatitra doranareo sy ny fanati-pihavananareo; dia ho fahatsiarovana ho anareo izany eo anatrehan' Andriamanitrareo: Izaho Jehovah no Andriamanitrareo. **11** Ary tamin' ny andro faharoa-polo tamin' ny volana faharoa, tamin' ny taona faharoa, no niakaran' ny rahona niala teo ambonin' ny tabernakelin' ny Vavolombelona. **12** Dia niainga tany an-efitr' i Sinay ny Zanak' Isiraely ka nandroso, ary ny rahona nijanona tany an-efitra Parana. **13** Dia izany no niaingany voalohany araka ny didin' i Jehovah izay nampitondrainy an' i Mosesy. **14** Ary ny fanevan' ny tobin' ny taranak' i Joda no niainga voalohany araka ny antokony, ary Nasona, zanak' i Aminadaba, no mpifehy ny antokony. **15** Ary Netanela, zanak' i Zoara, no mpifehy ny antokon' ny firenena taranak' Isakara. **16** Ary Eliaba, zanak' i Helona, no mpifehy ny antokon' ny firenena taranak' i Zebolona. **17** Dia nahorona ny tabernakely, ka niainga ny taranak' i Gersona sy ny taranak' i Merary, nitondra ny tabernakely. **18** Dia niainga ny fanevan' ny tobin' i Robena araka ny antokony; ary Elizora, zanak' i Sedeora, no mpifehy ny antokony. **19** Ary Selomiela, zanak' i Zorisaday, no mpifehy ny antokon' ny firenena taranak' i Simeona. **20** Ary Eliasafa, zanak' i Doela, no mpifehy ny antokon' ny firenena taranak' i Gada. **21** Dia niainga ny Kehatita, mitondra ny zava-masìna; ary nisy nanangana ny tabernakely mandra-pihaviny. **22** Dia niainga ny fanevan' ny tobin' ny taranak' i Efraima, araka ny antokony; ary Elisama, zanak' i Amihoda, no mpifehy ny antokony. **23** Ary Gamaliela, zanak' i Pedazora, no mpifehy ny antokon' ny firenena taranak' i Manase. **24** Ary Abidana, zanak' i Gideony, no mpifehy ny firenena taranak' i Benjamina. **25** Dia niainga ny fanevan' ny tobin' ny taranak' i Dana, izay vodi-lalan' ny toby rehetra, araka ny antokony; ary Ahiezera, zanak' i Amisaday, no mpifehy ny antokony. **26** Ary Pagiela, zanak' i Okrana, no mpifehy ny antokon' ny firenena taranak' i Asera. **27** Ary Ahira, zanak' i Enana, no mpifehy ny antokon' ny firenena taranak' i Naftaly. **28** Izany no fandehan' ny Zanak' Isiraely, araka ny antokony avy, raha niainga izy. **29** Dia hoy Mosesy tamin' i Hobaba, zanak' i Regoela Midianita, rafozan' i Mosesy: Izahay izao dia mandeha hankany amin' ny tany izay nolazain' i Jehovah hoe: Homeko anareo izy; andeha hiaraka aminay ianao, dia hasianay soa; fa Jehovah efa nilaza soa ny amin' ny Isiraely. **30** Fa hoy kosa izy taminy: Tsy handeha aho; fa hody any amin' ny taniko sy ny havako. **31** Dia hoy Mosesy: Aza dia ilaozanao izahay; fa fantatrao izay tokony

hitobianay atỳ an-efitra, ka dia ho masonay ianao. **32** Ary raha hiaraka aminay ianao, dia izay soa hataon' i Jehovah aminay no mba hataonay aminao kosa. **33** Dia niainga niala tany an-tendrombohitr' i Jehovah lalan-kateloana izy; ary ny fiaran' ny faneken' i Jehovah nandroso nialoha azy lalan-kateloana hitady fialan-tsasatra ho an' ny olona. **34** Ary ny rahon' i Jehovah dia teo amboniny nony andro tamin' ny niaingany niala tamin' ny nitobiany. **35** Ary raha niainga ny fiara, dia hoy Mosesy: Mitsangàna, Jehovah ô, ka aoka hiely ny fahavalonao; ary aoka handositra ny tavanao izay mankahala Anao. **36** Ary raha nijanona kosa ny fiara, dia hoy izy: Miverena, Jehovah ô, ho amin' ny Isiraely tsy omby alinalina.

11 Ary dia nitaraim-pahoriana teo anatrehan' i Jehovah ny olona, ary nony ren' i Jehovah izany, dia nirehitra ny fahatezerany, ary ny afon' i Jehovah nandoro azy, ka may ny teo an-tsisin' ny toby. **2** Dia nitaraina tamin' i Mosesy ny olona; ary Mosesy nifona tamin' i Jehovah, dia maty ny afo. **3** Ary ny anaran' izany tany izany dia nataony hoe Tabera, satria nandoro azy ny afon' i Jehovah. **4** Ary ny olona hafa firenena izay niharo taminy dia liana, ary ny Zanak' Isiraely koa dia nitomany indray hoe: Enga anie ka hisy hanome hena hohaninay! **5** Tsaroanay ny hazandrano izay nohaninay, maimaim-poana tany Egypta mbamin' ny voatango sy tongolo samy hafa karazana. **6** Fa izao dia maina ny ainay: tsy misy na inona na inona eto imasonay afa-tsy ny mana ihany. **7** Ary ny mana dia toy ny voan-drafy, ary ny tarehiny dia tahaka ny tarehin' ny bedola. **8** Nandehandeha ny olona ka nanangona azy, dia nitoto azy tamin' ny fikosoham-bary na tamin' ny laona, ary nahandro azy tamin' ny vilany, dia nanao mofo azy; ary ny fanandramana azy dia tahaka ny fanandramana mofo misy diloilo. **9** Ary raha nilatsaka tamin' ny toby ny ando nony alina, dia nilatsaka koa niaraka taminy ny mana. **10** Ary Mosesy nandre ny olona nitomany tamin' ny isam-pianakaviany, samy teo amin' ny varavaran' ny lainy avy; dia nirehitra fatratra ny fahatezeran' i Jehovah; ary tsy sitrak' i Mosesy koa izany. **11** Dia hoy Mosesy tamin' i Jehovah: Nahoana no dia nasianao ratsy ny mpanomponao? ary nahoana no tsy nahita fitia eo imasonao aho, ka nampitondrainao enta-mavesatra, dia ity firenena rehetra ity? **12** Izaho va no torontoronina an' ity firenena rehetra ity? ary izaho va no niteraka azy, no ilazanao hoe: Trotroinao izy, tahaka ny ray mpitaiza mitondra ny zaza minono, ho any amin' ny tany izay nianiananao tamin' ny razany homena azy? **13** Avy aiza no hahazoako hena homena ity firenena rehetra ity, no dia mitomany amiko izy manao hoe: Omeo hena izahay hohaninay? **14** Tsy zakako izaho irery ny mitondra ity firenena rehetra ity, fa mavesatra amiko loatra. **15** Koa raha izao no ataonao amiko, masìna Hianao, vonoy mihitsy aho, raha nahita fitia eo imasonao; fa aza avela hahita ny fahoriako aho. **16** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Manangòna fito-polo lahy amin' ny loholon' ny Isiraely ho etỳ amiko, dia izay fantatrao ho loholona amin' ny fireneny sy mpifehy azy; ary ento miaraka aminao ho ao amin' ny trano-lay fihaonana izy. **17** Dia hidina Aho ka hiteny aminao eo; ary Izaho haka amin' ny Fanahy Izay ao aminao ka hametraka izany ao amin' ireo, ary hiara-mitondra ity firenena ity aminao ireo, fa tsy ianao irery intsony no hitondra azy. **18** Koa lazao amin' ny olona hoe: Manamasìna ny tenanareo ho amin' ny ampitso, dia hihinan-kena ianareo; fa nitomany teo anatrehan' i Jehovah ianareo ka nanao hoe: Enga anie ka hisy hanome hena hohaninay! fa soa no hitanay tany Egypta; dia homen' i Jehovah hena ianareo, ka hohaninareo. **19** Tsy indray andro no hihinananareo na indroa andro, na hadimiana, na hafoloana, na roa-polo andro aza, **20** fa hatramin' ny iray volana mipaka, dia mandra-pivoakany amin' ny vavoronareo ka haharikoriko anareo; satria nolavinareo Jehovah, Izay eo aminareo, ka nitomany teo anatrehany ianareo nanao hoe: Nahoana re no nivoaka avy tany Egypta izahay? **21** Dia hoy Mosesy: Ny olona izay itoerako dia lehilahy enina hetsy izay mahalia lalana; ary hoy ianao: Homeko hena izy mba hohaniny mandritra ny iray volana. **22** Moa ondry aman' osy sy omby va no hovonoina ho azy hahavoky azy? sa ny hazandrano rehetra ao amin' ny ranomasina no hangonina ho azy hahavoky azy? **23** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Nihafohy va ny tànan' i Jehovah? ankehitriny dia ho hitanao na ho tanteraka aminao ny teniko, na tsia. **24** Dia nivoaka Mosesy ka nilaza ny tenin' i Jehovah tamin' ny olona; dia nanangona fito-polo lahy tamin' ny loholon' ny firenena izy ka nampitoetra azy manodidina ny trano-lay. **25** Ary nidina teo amin' ny rahona Jehovah ka niteny taminy, dia nangalany ny Fanahy izay tao amin' i Mosesy ka napetrany tao amin' ny loholona fito-polo lahy; ary raha mbola nitoetra tao aminy ny Fanahy, dia naminany izy, nefa tsy nanao intsony. **26** Fa nisy roa lahy nijanona teo an-toby, Eldada no anaran' ny anankiray, ary Medada no anaran' ny anankiray; ary ny Fanahy nitoetra tao aminy; ary isan' izay voasoratra izy roa lahy, nefa tsy mba nankeo amin' ny trano-lay; dia naminany teo an-toby izy roa lahy. **27** Ary nisy zatovo nihazakazaka, dia nilaza tamin' i Mosesy ka nanao hoe: Eldada sy Medada maminany etsy an-toby. **28** Dia namaly Josoa, zanak' i Nona, izay nanompo an' i Mosesy hatry ny fony tanora, ka nanao hoe: Ry Mosesy, tompoko, rarao izy roa lahy. **29** Fa hoy Mosesy taminy: Izaho va no ialonanao? enga anie ka ho mpaminany avokoa ny olon' i Jehovah rehetra, ka halatsak' i Jehovah aminy ny Fanahiny! **30** Dia nankeo an-toby Mosesy sy ny loholon' ny Isiraely. **31** Ary nisy rivotra nivoaka avy tamin' i Jehovah ka nitondra papelika avy tany amin' ny ranomasina ary nampihahakahaka azy teny amin' ny toby, ka tokony ho lalana indray andro manodidina ny toby no nisy azy, ary tokony ho roa hakiho ambonin' ny tany izy. **32** Dia nitsangana ny olona nandritra izany andro izany sy nandritra ny alina sy ny ampitson' iny koa ka nanangona ny papelika; ary izay kely fanangona no folo homera; ary nahahiny ho maina ireny manodidina ny toby. **33** Fa raha mbola teo am-bavany ny hena ka tsy mbola lany, dia nirehitra tamin' ny olona ny fahatezeran' i Jehovah, ary namely ny olony tamin' ny kapoka mafy indrindra Izy. **34** Ary ny anaran' izany tany izany nataony hoe: Kibrota-hatava, satria teo no nandevenana ny olona izay liana. **35**

Ary niala tao Kibrota-hatava ny olona ka nifindra nankany Hazerota; dia nitoetra tany Hazerota izy.

12 Ary Miriama sy Arona niteny nanome tsiny an' i Mosesy noho ny vehivavy Kosita izay efa nampakariny; fa efa nampakatra vehivavy Kosita izy. **2** Dia hoy izy mianadahy: Moa Mosesy ihany va no efa nitenenan' i Jehovah? tsy izahay koa va no nitenenany? Dia ren' i Jehovah izany. **3** Ary Mosesy dia lehilahy nalemy fanahy mihoatra noho ny olona rehetra atỳ ambonin' ny tany. **4** Ary Jehovah dia niteny tampoka tamin' i Mosesy sy Arona ary Miriama hoe: Mivoaha ianareo telo mianadahy ho any amin' ny trano-lay fihaonana. Dia nivoaka izy telo mianadahy. **5** Ary andri-rahona no nidinan' i Jehovah, ka nitsangana teo am-baravaran' ny trano-lay Izy; dia niantso an' i Arona sy Miriama Izy, ka nivoaka izy mianadahy. **6** Dia hoy Izy: Mba mihainoa ny teniko: Raha misy mpaminanin' i Jehovah eo aminareo, dia amin' ny fahitana no hisehoako aminy, ary amin' ny nofy no hitenenako aminy. **7** Fa tsy toy izany kosa Mosesy mpanompoko, izay mahatoky amin' ny tranoko rehetra. **8** Mifanatrika no itenenako aminy, dia amin' ny fahitana, fa tsy amin' ny teny saro-pantarina, ary mijery ny endrik' i Jehovah izy; ka nahoana ianareo no tsy natahotra hanome tsiny an' i Mosesy mpanompoko? **9** Dia nirehitra ny fahatezeran' i Jehovah tamin' izy mianadahy, ka niala Izy. **10** Ary ny rahona niala tamin' ny trano-lay; ary, indro, boka Miriama ka fotsy tahaka ny oram-panala; ary Arona dia nijery an' i Miriama, ka indro fa boka izy. **11** Ary hoy Arona tamin' i Mosesy: Indrisy, tompoko, masìna ianao, aza atao ho helokay ny nanaovanay adaladala sy ny nanotanay. **12** Aza dia avela ho toy ny maty izy, izay lany ny antsasaky ny nofony, raha vao teraka izy. **13** Ary Mosesy dia nitaraina tamin' i Jehovah ka nanao hoe: Andriamanitra ô, mifona aminao aho, mba sitrano re izy! **14** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Raha nandrora tamin' ny tavany rainy, moa tsy ho menatra hafitoana va izy? koa atokàny any ivelan' ny toby hafitoana izy, ary rehefa afaka izany, dia ampidiro indray. **15** Dia natokana tany ivelan' ny toby hafitoana Miriama; ary ny olona tsy niainga, raha tsy efa nampidirina Miriama. **16** Ary rehefa afaka izany, dia niainga niala tany Hazerota ny olona ka nitoby tany an-efitra Parana.

13 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy, ka nanao hoe: **2** Maniraha lehilahy vitsivitsy hisafo ny tany Kanana, izay omeko ho an' ny Zanak' Isiraely; dia lehilahy iray avy isam-pirazanany no hirahinareo, ka izay samy lohan' ny fireneny avy. **3** Ary Mosesy dia naniraka azy hiala any an-efitra Parana, araka ny didin' i Jehovah; ary samy lohan' ny firenen' ny Zanak' Isiraely ireo lehilahy rehetra ireo. **4** Ary izao no anarany: Avy tamin' ny firenen' i Robena dia Samoa, zanak' i Zakora; **5** avy tamin' ny firenen' i Simeona dia Safata, zanak' i Hory; **6** avy tamin' ny firenen' i Joda dia Kaleba, zanak' i Jefone; **7** avy tamin' ny firenen' Isakara dia Jigala, zanak' i Josefa; **8** avy tamin' ny firenen' i Efraima dia Hosea, zanak' i Nona; **9** avy tamin' ny firenen' i Benjamina dia Palty, zanak' i Rafo; **10** avy tamin' ny firenen' i Zebolona dia Gadiela, zanak' i Sody; **11** avy tamin' ny firenen' i Josefa, tamin' ny firenen' i Manase, dia Gady, zanak' i Sosy; **12** avy tamin' ny firenen' i Dana dia Amiela, zanak' i Gemaly; **13** avy tamin' ny firenen' i Asera dia Setora, zanak' i Mikaela; **14** avy tamin' ny firenen' i Naftaly dia Naby, zanak' i Vofsy; **15** avy tamin' ny firenen' i Gada dia Geoela, zanak' i Maky. **16** Ireo no anaran' ny lehilahy izay nirahin' i Mosesy hisafo ny tany. Ary Hosea, zanak' i Nona, dia nataon' i Mosesy hoe Josoa. **17** Ary Mosesy naniraka ireo hisafo ny tany Kanana ka nanao taminy hoe: Miakara atỳ amin' ny tany atsimo ianareo, ka miakara ho any amin' ny tany havoana; **18** dia izahao izay toetry ny tany sy ny olona monina any, na mahery, na osa, na vitsy, na maro; **19** ary izay toetry ny tany itoerany, na tsara, na ratsy; ary ny toetry ny tanàna izay itoerany, na ao an-day, na ao an-tanàna mimanda; **20** ary ny toetry ny tany, na lonaka, na màzana, na misy hazo eo, na tsia; ary mahereza ianareo, ka itondray ny vokatry ny tany. Ary ny andro fahizany dia fahamasahan' ny voaloboka mialin-taona. **21** Dia niakatra ireo ka nisafo ny tany hatramin' ny efitra Zina ka hatrany Rehoba, dia ao akaikin' i Hamata. **22** Dia niakatra tao amin' ny tany atsimo izy ka nankany Hebrona; ary teo Ahimana sy Sesay ary Talmay, teraky ny Anakita. (Ary Hebrona dia voaorina fito taona talohan' i Zoana any Egypta.) **23** Dia nankany amin' ny lohasaha Eskola izy ka nanapaka sampam-boaloboka teo izay nisy sampahony iray ihany, ary nolanjain-droa lahy tamin' ny hazo izany; ary ny ampongabendanitra sy ny aviavy dia nitondrany koa. **24** Ary izany tany izany dia nataony hoe Lohasaha Eskola, noho ny sampahom-boaloboka izay notapahin' ny Zanak' Isiraely teo. **25** Ary niverina avy nisafo ny tany ireo, nony afaka efa-polo andro. **26** Dia nankeo amin' i Mosesy sy Arona ary ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, tany an-efitra Parana izy, dia tany Kadesy, ka nitondra teny taminy sy ny fiangonana rehetra sady naneho azy ny vokatry ny tany. **27** Dia nilaza taminy izy ka nanao hoe: Tonga tany amin' ny tany izay nanirahanao anay izahay, koa tondra-dronono sy tantely tokoa izy; ary itony no vokatra avy tany. **28** Kanefa kosa mahery ny olona izay monina eo amin' ny tany; ary ny tanàna dia mimanda sady lehibe dia lehibe; ary koa, nahita ny teraky ny Anakita teo izahay. **29** Ny Amalekita no monina eo amin' ny tany atsimo; ary ny Hetita sy ny Jebosita ary ny Amorita no monina any amin' ny tany havoana; ary ny Kananita no monina eo amoron' ny ranomasina sy eo amoron' i Jordana. **30** Fa Kaleba dia nampangina ny olona teo anatrehan' i Mosesy ka nanao hoe: Andeha isika hiakatra mihitsy mba hahazoantsika azy, fa haharesy azy tokoa isika. **31** Fa hoy kosa ny lehilahy izay niara-niakatra taminy: Tsy mahazo miakatra handresy ny olona isika; fa mahery noho isika izy. **32** Dia nilaza ratsy ny tany izay nosafoiny tamin' ny Zanak' Isiraely izy ka nanao hoe: Ny tany izay nalehanay nosafoina dia tany izay mandevona ny monina eo, ary ny olona rehetra izay hitanay teo dia olona vaventibe; **33** ary nahita ny Nefilima teo izahay, dia taranaky ny Anakita avy amin' ny Nefilima; ary teo imasonay dia tahaka ny tsingentana izahay; ary toy izany koa izahay teo imasony.

14 Dia nanandratra ny feony ny fiangonana rehetra ka nitaraina; ary nitomany ny olona tamin' iny alina iny. **2** Dia nimonomonona tamin' i Mosesy sy Arona ny Zanak' Isiraely rehetra, ka hoy ny fiangonana rehetra taminy; Inay anie isika mba maty tany amin' ny tany Egypta ihany; na inay anie isika mba maty tatỳ amin' ity efitra ity! **3** Ary nahoana Jehovah no mitondra antsika ho amin' ity tany ity ho lavon-tsabatra, ary ny vadintsika sy ny zanatsika madinika ho babo; tsy aleontsika miverina ho any Egypta va? **4** Dia nifampitaona hoe izy: Andeha hifidy mpitarika isika ka hiverina any Egypta. **5** Ary Mosesy sy Arona dia niankohoka teo anatrehan' ny fivorian' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra. **6** Ary Josoa, zanak' i Nona, sy Kaleba, zanak' i Jefone, izay isan' ny nisafo ny tany, dia nandriatra ny fitafiany; **7** ary niteny tamin' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, izy roa lahy ka nanao hoe: Ny tany izay nalehanay nosafoina dia tany tsara indrindra. **8** Raha sitrak' i Jehovah isika, dia hitondra antsika ho amin' izany tany izany Izy, ka homeny antsika, dia tany tondra-dronono sy tantely. **9** Fa aza miodina amin' i Jehovah ianareo, ary aza matahotra ny tompon-tany; fa hanina ho antsika ireo; ny fiarovany efa niala taminy, ary Jehovah momba antsika; koa aza matahotra azy ianareo. **10** Fa hoy ny fiangonana rehetra: Torahy vato izy roa lahy. Kanjo ny voninahitr' i Jehovah niseho teo amin' ny trano-lay fihaonana, teo anatrehan' ny Zanak' Isiraely rehetra. **11** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Mandra-pahoviana no hamotsifotsian' ity firenena ity Ahy? ary mandra-pahoviana no tsy hinoany Ahy noho ny famantarana rehetra izay nataoko teo aminy? **12** Hamely azy amin' ny areti-mandringana Aho ka hamongotra azy, fa hanao anao ho firenena lehibe sy mahery noho izy kosa. **13** Dia hoy Mosesy tamin' i Jehovah: Dia ho ren' ny Egyptiana izany; fa ny herinao no nitondranao ity firenena ity nivoaka avy teo aminy, **14** ary holazainy amin' ny monina eo amin' ity tany ity izany; ary efa reny fa Hianao Jehovah no eto amin' ity firenena ity, ary Hianao Jehovah no hita mifanatrika, ary ny rahonao mijanona eo amboniny, ary Hianao no mitarika azy eo aloha amin' ny andri-rahona nony andro, ary amin' ny andri-afo nony alina. **15** Fa raha mahafaty ity firenena ity toy ny olona iray Hianao, dia hiteny ny jentilisa, izay nandre ny lazanao, ka hanao hoe: **16** Satria tsy zakan' i Jehovah ny mitondra iny firenena iny ho any amin' ny tany izay nianianany taminy homena azy, dia namono azy tany an-efitra Izy. **17** Ary ankehitriny, aoka hiseho ny halehiben' ny herin' ny Tompo, araka ilay teninao hoe: **18** Maharipo Jehovah sady be famindram-po, mamela heloka sy fahadisoana, kanefa tsy mety manamarina ny meloka, fa mamaly ny heloky ny ray amin' ny zanaka hatramin' ny zafiafy sy ny zafindohalika. **19** Mifona aminao aho, mamelà ny helok' ity firenena ity araka ny halehiben' ny famindram-ponao, sy araka ny namelanao ny helok' ity firenena ity hatrany Egypta ka mandraka ankehitriny. **20** Dia hoy Jehovah: Efa navelako araka ny teninao izany. **21** Kanefa raha velona koa Aho, ka ho feno ny voninahitr' i Jehovah ny tany rehetra, **22** ireo lehilahy rehetra ireo, izay nahita ny voninahitro sy ny famantarako izay nataoko tany Egypta sy tany an-efitra, nefa naka fanahy Ahy izao im-polo izao, ka tsy nihaino ny feoko, **23** dia tsy hahita mihitsy ny tany izay nianianako tamin' ny razany homena azy; eny, izay rehetra namotsifotsy Ahy dia samy tsy hahita izany. **24** Fa ny amin' i Kaleba mpanompoko kosa, satria fanahy hafa no tao aminy, ka tanteraka tamin' ny fanarahana Ahy izy, dia ho entiko ho any amin' ny tany izay nalehany izy, ary ny zanany handova izany. **25** Ary ny Amalekita sy ny Kananita no mponina eo amin' ny lohasaha; koa rahampitso dia miverena ianareo, ka mankanesa any an-efitra amin' ny lalana mankany amin' ny Ranomasina Mena. **26** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **27** Mandra-pahoviana no mbola handeferako amin' izao fiangonana ratsy mimonomonona amiko izao? Efa reko ny fimonomononan' ny Zanak' Isiraely, izay imonomononany amiko. **28** Lazao aminy hoe: Raha velona koa Aho, hoy Jehovah, dia araka izay nolazainareo teo anatrehako no hataoko aminareo: **29** Etỳ amin' ity efitra ity no hiampatramparan' ny fatinareo; ary ianareo rehetra izay voalamina araka ny nanisana anareo, dia ny hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, izay efa nimonomonona tamiko, **30** dia tsy ho tonga mihitsy any amin' ny tany izay nananganako tanana hamponenana anareo, afa-tsy Kaleba, zanak' i Jefone, sy Josoa, zanak' i Nona. **31** Fa ny zanakareo madinika kosa, izay nolazainareo fa ho babo, dia izy no ho entiko miditra, ary izy no hahalala ny tany izay nolavinareo. **32** Fa ny aminareo, dia hiampatrampatra amin' ity efitra ity ny fatinareo; **33** ary ny zanakareo hirenireny toy ny mpiandry ondry atỳ an-efitra efa-polo taona ka hiharan' ny valin' ny fijangajanganareo, mandra-pahafatinareo rehetra atỳ an-efitra. **34** Araka ny isan' ny andro efa-polo izay nisafoanareo ny tany, ka ny andro iray hosoloana taona iray no hitondranareo ny helokareo efa-polo taona; ka dia ho fantatrareo ny fahafoizako anareo. **35** Izaho Jehovah efa nilaza fa hataoko tokoa izany amin' izao fiangonana ratsy rehetra izao, izay miangona hiodina amiko; etỳ amin' ity efitra ity no hahalany ritra azy, ary etỳ no hahafatesany. **36** Ary ny lehilahy izay nirahin' i Mosesy hisafo ny tany, dia izay niverina ka nampimonomonona ny fiangonana rehetra tamin' i Mosesy, satria nanao laza ratsy ny tany izy, **37** dia matin' ny areti-mandringana teo anatrehan' i Jehovah ireny lehilahy nilaza ratsy ny tany ireny. **38** Fa Josoa, zanak' i Nona, sy Kaleba, zanak' i Jefone, kosa, izay isan' ny lehilahy nandeha nisafo ny tany, dia velona ihany. **39** Dia nolazain' i Mosesy tamin' ny Zanak' Isiraely rehetra izany teny izany; ka dia nanjoretra terỳ ny olona. **40** Dia nifoha maraina koa izy ary niakatra tany an-tampon' ny tendrombohitra ka nanao hoe: Indreto izahay hiakatra ho any amin' ny tany izay nolazain' i Jehovah, fa efa nanota izahay. **41** Dia hoy Mosesy: Nahoana no mandika ny didin' i Jehovah ianareo? fa tsy hambinina izany. **42** Aza miakatra, fa tsy momba anareo Jehovah, **43** fandrao ho resy eo anoloan' ny fahavalonareo ianareo; fa ny Amalekita sy ny Kananita dia eo anoloanareo, ka ho lavon-tsabatra ianareo; satria niala tamin' ny fanarahana an' i Jehovah ianareo, dia tsy homba anareo Izy. **44** Kanjo sahisahy foana izy ka niakatra teo an-tampon' ny tendrombohitra ihany; nefa Mosesy sy ny fiaran' ny faneken'

i Jehovah tsy niala teo an-toby. **45** Dia nidina ny Amalekita sy ny Kananita, izay nonina teo amin' izany tendrombohitra izany, ka namely azy ary nanorotoro azy hatrany Horma.

15 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha tonga any amin' ny tany honenanareo izay omeko anareo ianareo **3** ka manatitra fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, dia omby na ondry aman' osy hatao fanatitra dorana, na fanatitra hafa alatsa-drà hanalana voady, na amin' ny sitrapo na amin' ny fotoam-pivavahanareo, hanaovana hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah: **4** izay manatitra ny fanatiny ho an' i Jehovah dia hanatitra fanatitra hohanina koa, dia koba tsara toto ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo ampahefatry ny hina; **5** ary divay ampahefatry ny hina hatao fanatitra aidina no hampombainao ny fanatitra dorana, na ny fanatitra hafa alatsa-drà, amin' ny isan-janak' ondry iray. **6** Ary ho fanampin' ny isan-ondrilahy iray dia koba tsara toto roa ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo ampahatelon' ny hina no haterinao ho fanatitra hohanina; **7** ary divay ampahatelon' ny hina no haterinao ho fanatitra aidina, ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **8** Ary raha manatitra omby ho fanatitra dorana na ho fanatitra hafa alatsa-drà ianao, hanalana voady, na ho fanati-pihavanana ho an' i Jehovah, **9** dia fanatitra hohanina koa no haterinao ho fanampin' ny isan-omby iray, dia koba tsara toto telo ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo antsasaky ny hina; **10** ary divay antsasaky ny hina no haterinao ho fanatitra aidina, ho fanatitra atao amin' ny afo, ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **11** Izany no hatao amin' ny isan-omby iray, na ny isan-ondrilahy iray, na ny isan-janak' ondry iray, na ny isan-janak' osy iray. **12** Tahaka izany no hataonareo amin' izy rehetra, araka ny isan' ny zavatra aterinareo. **13** Ny tompon-tany rehetra samy hanao ireo zavatra ireo araka izany, raha manatitra fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah izy. **14** Ary raha misy vahiny eo aminareo, na olona miara-mitoetra aminareo, hatramin' ny taranakareo fara mandimby, ka manatitra fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah izy, dia araka izay ataonareo no hataony. **15** Ary ny amin' ny fiangonana, dia lalàna iray ihany sy fanao iray ihany no ho aminareo sy izay vahiny eo aminareo koa, dia lalàna mandrakizay hatramin' ny taranakareo fara mandimby izany: tsy hisy hafa eo anatrehan' i Jehovah na ianareo na ny vahiny. **16** Lalàna iray ihany sy fanao iray ihany no ho aminareo sy izay vahiny eo aminareo. **17** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **18** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha tonga any amin' ny tany izay itondrako anareo ianareo **19** ka hihinana mofo avy amin' ny vokatry ny tany, dia hanokana izay ho an' i Jehovah. **20** Hanokana mofo iray izay hatao amin' ny voalohan' ny kobanareo voafetafeta ianareo; tahaka izay atokana avy eo amin' ny famoloana no hanokananareo izany. **21** Ny voalohan' ny kobanareo voafetafeta dia hanomezanareo ho an' i Jehovah hatramin' ny taranakareo fara mandimby. **22** Ary raha manota tsy nahy ianareo ka tsy mankatò ireo didy rehetra ireo, izay nolazain' i Jehovah tamin' i Mosesy, **23** dia izay rehetra nasain' i Jehovah nandidian' i Mosesy anareo, hatramin' ny andro izay nanaovan' i Jehovah izany didy izany ka hatramin' ny taranakareo fara mandimby, **24** koa atao tsy nahy izany ka tsy fantatry ny fiangonana; dia hanatitra vantotr' ombilahy iray ny fiangonana rehetra ho fanatitra dorana, ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah, mbamin' ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra aidina momba azy, araka ny fanao, ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota. **25** Ary ny mpisorona dia hanao fanavotana ho an' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, ka dia havela ny helony, satria natao tsy nahy izany; ary hitondra ny fanatiny izy, dia fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, ary ny fanatiny noho ny ota, eo anatrehan' i Jehovah, noho ny ota tsy nahy nataony. **26** Dia havela ny heloky ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, mbamin' izay vahiny eo aminy; fa nahazo ny olona rehetra izany noho ny ota tsy nahy, **27** Ary raha olona iray kosa no manota tsy nahy, dia hanatitra osivavy iray izay iray taona izy ho fanatitra noho ny ota. **28** Ary ny mpisorona dia hanao fanavotana ho an' ny olona izay nanota tsy nahy eo anatrehan' i Jehovah, ka dia havela ny helony. **29** Lalàna iray ihany no hatao amin' izay manota tsy nahy, na amin' ny Zanak' Isiraely rehetra, na amin' ny vahiny eo aminareo. **30** Fa ny olona izay manota sahisahy kosa, na tompon-tany, na vahiny, dia manamavo an' i Jehovah, ka dia hofongorana tsy ho amin' ny fireneny. **31** Fa ny tenin' i Jehovah no nohamavoiny, ary ny lalàny no nodikainy, dia hofongorana tokoa izany olona izany; ny helony dia ho aminy ihany. **32** Ary raha tany an-efitra ny Zanak' Isiraely, dia nahita lehilahy anankiray nanangona kitay hazo tamin' ny andro Sabata. **33** Ary izay nahita azy nanangona kitay dia nitondra azy teo amin' i Mosesy sy Arona ary ny fiangonana rehetra. **34** Dia nambenana ralehilahy, satria tsy mbola fantatra izay hatao aminy. **35** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Hatao maty tokoa izany lehilahy izany; hitora-bato azy eny ivelan' ny toby ny fiangonana rehetra. **36** Dia namoaka azy ho eny ivelan' ny toby ny fiangonana rehetra ka nitora-bato azy, ka maty izy, dia araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy ihany. **37** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **38** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely, ka asaovy asiany somotraviavy ny sisin' ny fitafiany hatramin' ny taranany fara mandimby, ary aoka hasiany kofehy manga eo amin' ny somotraviaviny. **39** Ary ho somotraviavy ho anareo izany, ka raha jerenareo, dia hotsarovanareo sy hankatoavinareo ny didin' i Jehovah rehetra; ary tsy handeha araka ny fonareo ianareo, na araka ny masonareo, izay andehananareo hijangajangana, **40** mba hotsarovanareo sy hankatoavinareo ny didiko rehetra, ka dia ho masìna ho an' Andriamanitrareo ianareo. **41** Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, Izay nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta mba ho Andriamanitrareo: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo.

16 Ary Kora, zanak' i Jizara, zanak' i Kehata, zanak' i Levy, ary Datana sy Abìrama, zanak' i Eliaba, sy Ona, zanak' i Peleta, izay samy taranak' i Robena, dia

nandrendri-bahoaka, **2** ka nitsangana teo anatrehan' i Mosesy izy ireo sy ny Zanak' Isiraely dimam-polo amby roan-jato, izay samy lohan' ny fiangonana avokoa, dia olona voafidin' ny fiangonana sady nanan-daza; **3** koa niangona hiodina amin' i Mosesy sy Arona ireo ka nanao taminy hoe: Aoka izay ianareo! fa masìna avokoa ny fiangonana rehetra, sady Jehovah no eo aminy; koa nahoana no dia manandra-tena ho ambonin' ny fiangonan' i Jehovah ianareo? **4** Ary raha nandre izany Mosesy, dia niankohoka izy **5** ka niteny tamin' i Kora sy ny namany rehetra nanao hoe: Rahampitso dia hasehon' i Jehovah izay Azy sy izay masìna ka hampanakekeny Azy; dia izay fidiny no hampanakekeny Azy. **6** Izao no ataovy, ry Kora sy ianareo namany rehetra: Makà fitondran' afo ho anareo rahampitso. **7** dia asio afo eo anatiny ka asio ditin-kazo manitra eo aminy eo anatrehan' i Jehovah; ary ny lehilahy izay fidin' i Jehovah, dia izy no ho masìna; fa aoka izay ianareo, ry taranak' i Levy! **8** Dia hoy koa Mosesy tamin' i Kora: Henoy, ry taranak' i Levy: **9** Moa ataonareo ho zavatra kely va ny nampisarahan' Andriamanitry ny Isiraely anareo tamin' ny fiangonan' ny Isiraely hitondrany anareo ho akaiky Azy, hanaovanareo ny fanompoam-pivavahana momba ny tabernakelin' i Jehovah sy hitoeranareo eo anatrehan' ny fiangonana hanompo azy? **10** Dia napanakekeny Azy ianao sy ny rahalahinao taranak' i Levy rehetra miaraka aminao, ary mitady ho mpisorona koa va ianareo? **11** Ary noho izany ianao sy ny namanao rehetra dia tafangona hiodina amin' i Jehovah; fa Arona moa no inona, no imonomononanareo? **12** Ary Mosesy naniraka nampaka an' i Datana sy Abìrama, zanak' i Eliaba; fa hoy izy roa lahy: Tsy hiakatra izahay. **13** Moa zavatra kely va ny nitondranao anay niakatra niala tany amin' izay tany tondra-dronono sy tantely hahafaty anay atỳ an-efitra, no dia manao anao ho lehibenay koa ianao? **14** Ary koa, ianao tsy nitondra anay ho any amin' izay tany tondra-dronono sy tantely tsinona, na nanome anay saha sy tanim-boaloboka ho fanananay; hopotsirinao va ny mason' ireto lehilahy ireto? Tsy hiakatra izahay. **15** Dia tezitra indrindra Mosesy ka nanao tamin' i Jehovah hoe: Aza mijery ny fanatiny akory Hianao; tsy naka na dia boriky iray akory aza taminy aho, ary tsy nanisy ratsy na dia tamin' ny anankiray aminy akory aza. **16** Dia hoy Mosesy tamin' i Kora: Aoka ianao sy ny namanao rehetra ho tonga eo anatrehan' i Jehovah rahampitso, dia ianao sy ireo ary Arona. **17** Ary samia maka ny fitondrana fony avy ianareo rehetra, ka asio ditin-kazo manitra eo anatiny, ary samia mitondra ny fitondran' afony avy ianareo rehetra ho eo anatrehan' i Jehovah, dia fitondran' afo dimam-polo amby roan-jato; dia ianao sy Arona samy hitondra ny fitondran' afony avy. **18** Ary samy naka ny fitondran' afony avy izy rehetra ka nanisy afo teo anatiny, dia nanisy ditin-kazo manitra teo anatiny; ary nijanona teo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana izy mbamin' i Mosesy sy Arona. **19** Ary Kora nanangona ny namany rehetra ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana hanohitra azy roa lahy; dia niseho tamin' ny fiangonana rehetra ny voninahitr' i Jehovah. **20** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **21** Mihataha amin' ity fiangonana ity ianareo handringanako azy amin' ny indray mipi-maso monja. **22** Dia niankohoka izy roa lahy ka nanao hoe: Andriamanitra ô, Andriamanitry ny fanahin' ny nofo rehetra, olona iray no nanota, ka ho tezitra amin' ny fiangonana rehetra va Hianao? **23** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **24** Mitenena amin' ny fiangonana, ka lazao hoe: Mihataha tsy hanodidina ny lain' i Kora sy Datana ary Abìrama. **25** Dia nitsangana Mosesy ka nankeo amin' i Datana sy Abìrama; ary nanaraka azy ny loholon' ny Isiraely. **26** Dia niteny tamin' ny fiangonana izy ka nanao hoe: Mialà amin' ny lain' ireo olon-dratsy ireo, ka aza mikasika izay azy akory, fandrao haringana koa ianareo noho ny fahotany rehetra. **27** Dia nihataka ny olona mba tsy ho eo akaikin' ny lain' i Kora sy Datana ary Abìrama; ary Datana sy Abìrama nivoaka ka nijanona teo anoloan' ny varavaran' ny lainy mbamin' ny vadiny sy ny zananilahy ary ny zanany madinika. **28** Dia hoy Mosesy: Izao no hahafantaranareo fa Jehovah no naniraka ahy hanao ireny asa rehetra ireny, fa tsy avy tamin' ny saiko izany: **29** Raha maty toy ny fahafatin' ny olona rehetra ireo olona ireo, na valiana araka ny famaliana ny olona rehetra izy, dia tsy Jehovah no naniraka ahy. **30** Fa raha hanao zavatra vaovao kosa Jehovah, ka hisokatra ny tany ary hitelina azy mbamin' izay azy rehetra, ka ho latsaka velona any amin' ny fiainan-tsi-hita' izy, dia ho fantatrareo fa efa nandà an' i Jehovah ireo lehilahy ireo. **(Sheol h7585)** **31** Ary rehefa tapitra voalazany izany teny rehetra izany, dia nivava ny tany izay teo ambaniny; **32** eny, nisokatra ny tany ka nitelina azy sy ny ankohonany mbamin' ny olona rehetra izay an' i Kora ary ny fananany rehetra. **33** Dia latsaka velona ho any amin' ny fiainan-tsi-hita izy mbamin' izay azy rehetra; ary ny tany dia nikatona taminy, ka fongotra tsy ho amin' ny fiangonana intsony izy. **(Sheol h7585)** **34** Ary ny Isiraely rehetra izay nanodidina azy dia nandositra noho ny fidradradradrany; fa hoy izy: Andrao hitelina antsika koa ny tany. **35** Ary nisy afo nivoaka avy tamin' i Jehovah ka nandevona ny lehilahy dimam-polo amby roan-jato izay nanatitra ditin-kazo manitra. **36** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **37** Mitenena amin' i Eleazara, zanak' i Arona mpisorona, mba hotsimponiny eo anatin' ny may ny fitondran' afo, ary ny afo dia aelezo lavitra; fa masìna ireny; **38** ary ny fitondran' afon' ireo mpanota nanimba tena ireo dia aoka hatao takelaka manify hapetaka amin' ny alitara; fa nateriny teo anatrehan' i Jehovah ireny ka masìna; ary ho famantarana ho an' ny Zanak' Isiraely ireny. **39** Ary nalain' i Eleazara mpisorona ny fitondran' afo varahina, izay efa nanateran' ireo olona may ireo, ka nofisahiny ho takelaka hapetaka amin' ny alitara **40** ho fahatsiarovana ho an' ny Zanak' Isiraely mba tsy hisy olon-kafa afa-tsy ny taranak' i Arona ihany no hahazo manakaiky handoro ditin-kazo manitra eo anatrehan' i Jehovah; fandrao ho tahaka an' i Kora sy ny namany izy, dia araka ny tenin' i Jehovah izay nampitondrainy an' i Mosesy. **41** Ary nony ampitso dia nimonomonona tamin' i Mosesy sy Arona ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, ka nanao hoe: Hianareo efa nahafaty ny olon' i Jehovah. **42** Ary raha niangona hanome tsiny an' i Mosesy sy Arona ny fiangonana, dia

nijery ny trano-lay fihaonana izy, ka, indro, nanarona azy ny rahona, ary niseho ny voninahitr' i Jehovah. **43** Ary Mosesy sy Arona dia nankeo anoloan' ny trano-lay fihaonana. **44** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **45** Mialà amin' io fiangonana io handringanako azy amin' ny indray mipi-maso monja. Dia niankohoka izy roa lahy. **46** Ary hoy Mosesy tamin' i Arona: Alao ny fitondran' afo, ka asio afo avy eo ambonin' ny alitara izy, dia asio ditin-kazo manitra, ka ento faingana eo amin' ny fiangonana, ka manaova fanavotana ho azy; fa efa mivoaka avy tamin' i Jehovah ny fahatezerana, ary efa miantomboka ny areti-mandringana. **47** Dia nalain' i Arona izany, araka izay nandidian' i Mosesy, ka nihazakazaka ho eo afovoan' ny fiangonana izy; ary, indro, efa niantomboka teo amin' ny olona ny areti-mandringana; ary nandoro ny ditin-kazo manitra teo izy ka nanao fanavotana ho an' ny olona. **48** Dia nijanona teo anelanelan' ny maty sy ny velona izy, ka dia nitsahatra ny areti-mandringana. **49** Ary izay efa matin' ny areti-mandringana dia fiton-jato amby efatra arivo sy iray alina, afa-tsy izay efa maty noho ny amin' i Kora. **50** Ary Arona niverina ho eo amin' i Mosesy teo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana; ary ny areti-mandringana dia nitsahatra.

17 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely, ka analao tehina iray avy araka ny fianakaviany izy, ka ny lohan' ny fireneny rehetra araka ny fianakaviany avy no hanalana azy, dia tehina roa ambin' ny folo; ary samy soraty eo amin' ny tehiny avy ny anaran' izy rehetra. **3** Fa ny anaran' i Arona no hosoratanao amin' ny tehin' i Levy; fa tehina iray avy no ho an' ny lohan' ny fianakaviany. **4** Dia hataonao ao amin' ny trano-lay fihaonana ireo, dia eo anoloan' ny Vavolombelona, izay ihaonako aminareo. **5** Ary ny tehin' ny lehilahy izay hofidiko dia hitsimoka; ka dia hampanginiko ny fimonomononan' ny Zanak' Isiraely amiko, izay imonomononany aminareo. **6** Ary Mosesy dia niteny tamin' ny Zanak' Isiraely, ka ny lohan' ny firenena dia samy nanatitra tehina iray avy teo aminy araka ny fianakaviany, dia tehina roa ambin' ny folo; ary ny tehin' i Arona dia teo afovoan' ireo tehiny ireo. **7** Dia napetrak' i Mosesy teo anatrehan' i Jehovah, dia tao amin' ny trano lain' ny Vavolombelona ireo tehina ireo. **8** Ary nony ampitso dia niditra tao amin' ny trano-lain' ny Vavolombelona Mosesy, ary indro fa nitsimoka ny tehin' i Arona, izay ho an' ny taranak' i Levy, dia nanaroka sy namony ka namoa amygdala. **9** Dia nentin' i Mosesy nivoaka hiala eo anatrehan' i Jehovah ny tehina rehetra, ho eo amin' ny Zanak' Isiraely rehetra; dia nijery izy, ka samy nandray ny tehiny avy. **10** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Avereno ny tehin' i Arona ho eo anoloan' ny Vavolombelona, hotehirizina ho famantarana ho an' ny mpiodina, ka dia hatsahatrao hiala amiko ny fimonomononany, mba tsy ho faty izy. **11** Dia nataon' i Mosesy izany; araka izay efa nandidian' i Jehovah azy no nataony. **12** Dia niteny tamin' i Mosesy ny Zanak' Isiraely ka nanao hoe: Indro, maty izahay, ringana izahay, eny, ringana avokoa izahay rehetra. **13** Ho faty izay rehetra manakaiky, dia izay manakaiky ny tabernakelin' i Jehovah; ho lany maty va izahay?

18 Ary hoy Jehovah tamin' i Arona: Hianao sy ny zanakao ary ny tarana-drainao no hitondra ny heloky ny fitoerana masìna; ary ianao sy ny zanakao koa no hitondra ny heloky ny fisorononareo. **2** Ary ny rahalahinao avy amin' ny firenen' i Levy izay firenen' ny razanao koa dia ento miaraka aminao, mba hikambana aminao izy ka hanompo anao; fa ianao sy ny zanakao ho eo anoloan' ny trano-lain' ny Vavolombelona. **3** Dia hitandrina ny anjara-raharahanao sy ny anjara-raharaha rehetra momba ny trano-lay izy; kanefa ny fanaky ny fitoerana masìna sy ny alitara dia tsy mba hakekeny, fandrao maty ireo sy ny tenanareo koa. **4** Dia hikambana aminao izy ka hitandrina ny anjara-raharaha momba ny trano-lay fihaonana, dia ny fanompoana rehetra momba ny trano-lay; ary tsy hisy olon-kafa hanakaiky anareo. **5** Dia hotandremanareo ny anjara-raharaha momba ny fitoerana masìna sy ny anjara-raharaha momba ny alitara, mba tsy hisy fahatezerana hahazo ny Zanak' Isiraely intsony. **6** Ary, indro, Izaho efa naka ny Levita rahalahinareo avy tamin' ny Zanak' Isiraely; omena anareo izy ho fanomezana ho an' i Jehovah mba hanao ny fanompoana momba ny trano-lay fihaonana. **7** Fa ianao sy ny zanakao kosa no hitandrina ny fisoronanareo ka hanompo ny amin' ny zavatra rehetra momba ny alitara sy ny ao anatin' ny efitra lamba, dia fanompoana omeko anareo ny fisoronana; ary ny olon-kafa izay manakaiky dia hatao maty. **8** Ary Jehovah niteny tamin' i Arona hoe: Indro, Izaho efa nampitandrina anao ny fanatitra ho Ahy, dia ny zava-masìna rehetra aterin' ny Zanak' Isiraely; efa nomeko ho anjaranao sy ny taranakao izany, ho anjara mandrakizay. **9** Izao no ho anao amin' ny zavatra masìna indrindra, avy amin' ny fanatitra atao amin' ny afo; ny fanatiny rehetra sy ny fanatiny noho ny ota rehetra ary ny fanati-panonerany rehetra, izay hanonerany ho Ahy; ho masìna indrindra ho anao sy ny taranakao izany. **10** Toy ny fihinananao ny zavatra masìna indrindra no hihinananao azy; ny lehilahy rehetra no mahazo mihinana azy: masìna ho anao izany. **11** Ary izao koa no ho anao: ny zavatra omeny ho fanatitra, dia ny fanatitra ahevaheva rehetra aterin' ny Zanak' Isiraely; efa nomeko ho anao sy ny zanakao-lahy ary ny zanakao-vavy koa izany ho anjara mandrakizay; izay rehetra madio amin' ny ankohonanao no mahazo mihinana izany. **12** Izay rehetra tsara indrindra amin' ny diloilo sy ny ranom-boaloboka ary ny vary, dia ny voaloham-bokatra aminy, izay ateriny ho an' i Jehovah, dia efa nomeko anao. **13** Ny voaloham-bokatra rehetra eo amin' ny taniny, izay hateriny ho an' i Jehovah, dia ho anao; izay rehetra madio amin' ny ankohonanao no mahazo mihinana azy. **14** Ny zavatra rehetra voatokana amin' ny Isiraely dia ho anao. **15** Ny voalohan-teraka rehetra, izay ateriny ho an' i Jehovah, na olona, na biby, dia ho anao avokoa; kanefa tsy maintsy havotanao ny voalohan-teraky ny biby maloto dia havotanao koa. **16** Ary ny amin' ny fanavotana azy, dia izay efa iray volana no havotanao, araka izay ataonao tombany, dia sekely dimy, araka ny sekely masìna (gera roa-polo

izany). **17** Fa ny voalohan-teraky ny omby, na ny voalohan-teraky ny ondry, na ny voalohan-teraky ny osy kosa tsy mba havotanao, fa masìna ireny; ny rànу dia hatopinao amin' ny alitara, ary ny saborany hodoranao ho fofona, ho fanatitra atao amin' ny afo, ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **18** Dia ho anao ny henany, ho anao tahaka ny tratra ahevaheva sy tahaka ny soroka ankavanana. **19** Ny fanatitra rehetra izay alaina avy amin' ny zava-masìna aterin' ny Zanak' Isiraely ho an' i Jehovah dia efa nomeko anao sy ny zanakao-lahy ary ny zanakao-vavy ho anjara mandrakizay; dia fanekena mandrakizay asian-tsira eo anatrehan' i Jehovah izany ho aminao sy ny taranakao koa. **20** Ary hoy Jehovah tamin' i Arona: Tsy mba hanana lova eo amin' ny tany ianao sady tsy mba hanana anjara eo aminy; Izaho no anjaranao sy lovanao eo amin' ny Zanak' Isiraely. **21** Ary, indro, ny taranak' i Levy efa nomeko ny fahafolon-karena rehetra amin' ny Isiraely ho fananany noho ny fanompoana izay ataony, dia ny fanompoana ny amin' ny trano-lay fihaonana. **22** Ary tsy mahazo manakaiky ny trano-lay fihaonana intsony ny Zanak' Isiraely, fandrao meloka izy ka maty. **23** Fa ny Levita ihany no hanao ny fanompoana momba ny trano-lay fihaonana, ary izy no hitondra ny helony; ho lalàna mandrakizay amin' ny taranakareo hatramin' ny taranaka fara mandimby izany, fa tsy hanan-tany ho lovany eo amin' ny Zanak' Isiraely izy. **24** Fa ny fahafolon-karen' ny Zanak' Isiraely, izay ateriny ho fanatitra ho an' i Jehovah, dia efa nomeko ho an' ny taranak' i Levy ho fananany; izany no nilazako taminy hoe: Tsy hanana lova eo amin' ny Zanak' Isiraely izy. **25** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **26** Mitenena indray amin' ny Levita hoe: Rehefa raisinareo amin' ny zanak' Isiraely ny fahafolon-karena, izay efa nomeko ho fanananareo avy aminy, dia hanalanareo ampahafolony kosa ho an' i Jehovah izany. **27** Ary ny fanatitra alainareo dia hisaina ho anareo toy ny vary avy eo am-pamoloana sy ny divay avy eo amin' ny famiazana. **28** Toy izany koa no hanateranareo fanatitra ho an' i Jehovah avy amin' ny fahafolon-karenareo rehetra, izay horaisinareo amin' ny Zanak' Isiraely; ary avy amin' izany no hanateranareo ho an' i Jehovah, dia ho an' i Arona mpisorona. **29** Ary ny zavatra rehetra omena anareo no hanateranareo ny fanatitra rehetra izay alaina ho an' i Jehovah, dia amin' izay rehetra tsara indrindra avy aminy, dia izay zavatra masìna avy aminy. **30** Dia lazao aminy hoe: Raha maka ny tsara indrindra avy aminy ianareo, dia hisaina ho an' ny Levita toy ny vokatra avy eo am-pamoloana sy ny divay avy eo amin' ny famiazana izany. **31** Dia mahazo mihinana izany eo amin' ny fitoerana rehetra ianareo sy ny ankohonanareo; fa karamanareo izany noho ny fanompoanareo ao amin' ny trano-lay fihaonana. **32** Ary tsy hahazoanareo heloka ireny, raha maka ny tsara indrindra avy aminy ianareo; ary tsy holotoinareo ny zava-masìna aterin' ny Zanak' Isiraely, dia tsy ho faty ianareo.

19 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: **2** Izao no lalàna hotandremana, izay efa nandidian' i Jehovah: Lazao amin' ny Zanak' Isiraely mba hitondrany vantotr' ombivavy mena, izay tsy misy kilema na tsiny sady tsy mbola nasiana zioga. **3** Ary omeo ho an' i Eleazara mpisorona iny, dia hasaina ho entina eny ivelan' ny toby ka hovonoina eo anatrehany. **4** Dia hanalan' i Eleazara mpisorona amin' ny fanondrony ny ràny ka hafafiny impito manandrify ny trano-lay fihaonana. **5** Dia hodorana eo imasony ilay vantotr' ombivavy: ny hodiny sy ny henany ary ny ràny mbamin' ny tain-drorohany dia hodorana avokoa. **6** Ary ny mpisorona dia haka hazo sedera sy hysopa ary jaky ka hanipy azy eo afovoan' ny afo andoroana ny vantotr' ombivavy. **7** Dia hosasan' ny mpisorona ny fitafiany, ary handro amin' ny rano izy, ary rehefa afaka izany, dia hankeo amin' ny toby izy; ary haloto mandra-paharivan' ny andro ny mpisorona. **8** Ary izay mandoro ilay ombivavy dia hanasa ny fitafiany sady handro amin' ny rano, ary haloto mandra-paharivan' ny andro. **9** Dia hangonin' izay lehilahy madio anankiray ny lavenon' ilay vantotr' ombivavy ka hapetrany eo ivelan' ny toby eo amin' izay fitoerana madio anankiray, dia hotehirizina ho an' ny fiangonan' ny Zanak' Isiraely izany ho rano fanadiovana: fanatitra noho ny ota izany. **10** Ary ilay nanangona ny lavenon' ny vantotr' ombivavy dia hanasa ny fitafiany, ary haloto mandra-paharivan' ny andro; ary ho lalàna mandrakizay ho an' ny Zanak' Isiraely sy ny vahiny eo aminy izany. **11** Izay mikasika fatin' olona dia haloto hafitoana. **12** Hanadio ny tenany amin' izany rano izany izy amin' ny andro fahatelo, ary amin' ny andro fahafito dia hadio izy; fa raha tsy manadio ny tenany amin' ny andro fahatelo kosa izy, dia tsy hadio amin' ny andro fahafito. **13** Izay rehetra mikasika fatin' olona ka tsy manadio ny tenany dia mandoto ny tabernakelin' i Jehovah ka hofongorana tsy ho amin' ny Isiraely; satria tsy nofafazana ny rano fanadiovana izy, dia haloto: ny fahalotoany mbola eo aminy ihany. **14** Izao no lalàna, raha misy olona maty ao an-day: Izay rehetra miditra ao an-day sy izay rehetra ao anatin' ny lay dia haloto hafitoana. **15** Ary ny fanaka rehetra misokatra izay tsy misy rakotra voafehy aminy, dia haloto. **16** Ary izay rehetra mikasika izay matin-tsabatra any an-tsaha, na fatin' olona, na taolan' olona, na fasana, dia haloto hafitoana. **17** Dia hangalana ho an' ny maloto ny lavenon' ilay nodorana teo ho fanatitra noho ny ota, ary hasiany rano nalaina tamin' ny rano mandeha izany eo am-bilia. **18** Dia haka hysopa ny lehilahy madio anankiray ka hanoboka azy eo amin' ny rano, dia hafafiny amin' ny lay mbamin' ny fanaka rehetra sy ny olona izay eo ary ilay nikasika ny taolana, na ny novonoina, na ny matin' aretina, na ny fasana. **19** Ary ny maloto dia hofafazan' ilay olona madio amin' ny andro fahatelo sy ny fahafito; dia hanadio ny tenany amin' ny andro fahafito izy ka hanasa ny fitafiany sy handro amin' ny rano, dia hadio rehefa hariva. **20** Fa ny olona izay naloto ka tsy nanadio ny tenany dia hofongorana tsy ho amin' ny fiangonana, satria nandoto ny fitoera-masin' i Jehovah izy; ny rano fanadiovana tsy nafafy taminy: maloto izy. **21** Dia ho lalàna mandrakizay aminy izany, fa izay mamafy ny rano fanadiovana dia hanasa ny fitafiany; ary izay mikasika ny rano fanadiovana dia haloto mandra-paharivan' ny andro. **22** Ary ny zavatra rehetra izay voakasiky ny maloto dia

haloto; ary ny olona izay mikasika azy dia haloto mandrapaharivan' ny andro.

20 Ary tamin' ny volana voalohany tonga tao an-efitra Zina ny Zanak' Isiraely, dia ny fiangonana rehetra; ary nitoetra tao Kadesy ny olona. Ary maty tao Miriama ka nalevina tao. **2** Ary tsy nisy rano ho an' ny fiangonana, ka dia niangona izy hiodina amin' i Mosesy sy Arona. **3** Dia nila ady tamin' i Mosesy ny olona ka niteny hoe: Inay anie izahay mba maty tamin' ny nahafatesan' ny rahalahinay teo anatrehan' i Jehovah! **4** Fa nahoana no nitondra ny fiangonan' i Jehovah ho amin' ity efitra ity ianareo, mba hahafaty anay sy ny ombinay eto? **5** Ary nahoana no nitondra anay niakatra avy tany Egypta ianareo, hampiditra anay ho amin' ity tany ratsy ity, izay tsy misy voan-javatra, na aviavy, na voaloboka, na ampongabendanitra akory, sady tsy misy rano hosotroina? **6** Dia niala teo anatrehan' ny fiangonana Mosesy sy Arona ho eo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana ka niankohoka; dia niseho taminy ny voninahitr' i Jehovah. **7** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **8** Alao ny tehina, ka vorionao sy Arona rahalahinao ny fiangonana, ary mitenena amin' ny vatolampy eo imasony, dia hampiboiboika ny ranony izy; ary hampivoaka rano ho an' ny olona avy amin' ny vatolampy ianao, ka dia hampisotroinao ny fiangonana sy ny biby fiompiny. **9** Dia nalain' i Mosesy ny tehina avy teo anatrehan' i Jehovah, araka izay nandidiany azy. **10** Dia novorin' i Mosesy sy Arona teo anoloan' ny vatolampy ny fiangonana; ka dia hoy izy: Mihainoa, ry mpiodina: Moa amin' ity vatolampy ity va no hampivoahanay rano ho anareo? **11** Ary Mosesy dia nanainga ny tànany ka nikapoka ny vatolampy indroa tamin' ny tehiny; dia niboiboika be dia be ny rano, ka nisotro avokoa ny fiangonana sy ny biby fiompiny. **12** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona hoe: Satria tsy nino Ahy ianareo hanamasina Ahy eo imason' ny Zanak' Isiraely, dia tsy hitondra izao fiangonana izao ho any amin' ny tany izay nomeko azy ianareo. **13** Ity no ranon' i Meriba, izay nilan' ny Zanak' Isiraely ady tamin' i Jehovah, ka nisehoan' i Jehovah ho masìna tamin' ny nataony taminy. **14** Ary Mosesy dia naniraka olona avy tao Kadesy hankany amin' ny mpanjakan' i Edoma hanao hoe: Izao no lazain' i Isiraely rahalahinao: Hianao mahalala ny fahoriana rehetra izay nanjo anay: **15** dia ny nidinan' ny razanay tany Egypta, sy ny nitoeranay ela tany; ary nampahory anay sy ny razanay ny Egyptiana; **16** ary raha nitaraina tamin' i Jehovah izahay, dia nihaino ny feonay Izy ka naniraka Anjely sy nitondra anay nivoaka avy tany Egypta; ary, indreto, tonga eto Kadesy, tanàna eto amin' ny faritry ny taninao, izahay; **17** koa aoka mba handeha hamaky ny taninao izahay; fa tsy handeha hamaky ny saha sy ny tanim-boaloboka, na hisotro ny rano amin' ny lavaka fantsakana akory: ny lalan' andriana ihany no halehanay, fa tsy hania izahay na ho amin' ny ankavanana na ho amin' ny ankavia mandra-pahafakay ny faritry ny taninao. **18** Fa hoy ny Edomita taminy: Tsy mahazo mandeha mamaky ny taniko ianao, fandrao hivoaka hamely anao amin' ny sabatra aho. **19** Dia hoy ny Zanak' Isiraely taminy: Ny lalam-be ihany no halehanay, fa raha hisotro ny ranonao izaho sy ny omby aman' ondriko, dia hefaiko vola izany; fa tsy hanao na inona na inona aho, fa handalo fotsiny ihany. **20** Fa hoy izy: Tsy mahazo mandalo atỳ ianao. Ary nivoaka hisakana azy ny Edomita nitondra vahoaka betsaka sady nanao tàna-mahery. **21** Toy izany no nandavan' ny Edomita ka tsy namela ny Isiraely hamaky ny taniny, ka dia nivily niala taminy ny Zanak' Isiraely. **22** Ary nifindra ny Zanak' Isiraely, dia ny fiangonana rehetra, ka niala tany Kadesy ary tonga tao an-tendrombohitra Hora. **23** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy sy Arona tao an-tendrombohitra Hora, tao amin' ny fari-tanin' i Edoma, ka nanao hoe: **24** Arona hangonina any amin' ny razany; fa tsy hiditra any amin' ny tany izay nomeko ny Zanak' Isiraely izy, satria nandà ny teniko teo amin' ny ranon' i Meriba ianareo. **25** Alao Arona sy Eleazara zanany, ka ento miakatra ao an-tendrombohitra Hora izy mianaka; **26** dia esory ny fitafian' i Arona, ka atafio an' i Eleazara zanany; ary Arona hangonina any amin' ny razany ka ho faty ao. **27** Ary Mosesy nanao araka izay nandidian' i Jehovah; dia niakatra tao an-tendrombohitra Hora teo imason' ny fiangonana rehetra izy telo mianaka. **28** Dia nesorin' i Mosesy ny fitafian' i Arona ka natafiny an' i Eleazara zanany; ary maty tao an-tampon' ny tendrombohitra Arona; dia nidina avy tao an-tendrombohitra Mosesy sy Eleazara. **29** Koa nony hitan' ny fiangonana rehetra fa maty Arona, dia nisaona azy telopolo andro izy, dia ny taranak' Isiraely rehetra.

21 Ary raha ren' ilay Kananita, mpanjakan' i Arada, izay nonina teo amin' ny tany atsimo, fa efa mandeha amin' ny lalana mankany Atarima ny Isiraely, dia niady taminy izy, ka nentiny ho babo ny sasany tamin' ny Isiraely. **2** Dia nivoady tamin' i Jehovah ny Isiraely ka nanao hoe: Raha hatolotrao eo an-tananay tokoa ity firenena ity, dia hataonay levona avokoa ny tanànany. **3** Ary Jehovah nihaino ny feon' ny Isiraely ka dia natolony azy ny Kananita: ary dia nataon' ny Isiraely levona izy sy ny tanànany; koa ny anaran' izany tany izany dia natao hoe Horma. **4** Ary niala tany an-tendrombohitra Hora izy ka nahazo ny lalana mankany amin' ny Ranomasina Mena hanodidina ny tany Edoma; dia kivy ny fanahin' ny olona noho ny lalana. **5** Ary niteny nanome tsiny an' Andriamanitra sy Mosesy ny olona ka nanao hoe: Nahoana no nentinao niakatra avy tany Egypta amin' ny lalan' ny mpisafo-tany izahay ho faty atỳ an-efitra? fa tsy misy mofo na rano atỳ ary mahamonamonaina ny fanahinay itony mofomofo foana itony. **6** Ary Jehovah dia nampandeha ny menaran' afo teny amin' ny olona, ka nanaikitra ny olona ireny; dia nahafatesana be ny olona Isiraely. **7** Dia nankeo amin' i Mosesy ny olona ka nanao hoe: Efa nanota izahay, fa efa niteny nanome tsiny an' i Jehovah sy ianao. Ifony amin' i Jehovah izahay mba hanesorany ny menarana aminay. Dia nifona ho an' ny olona Mosesy. **8** Ary hoy Jehovah taminy: Manaova menaran' afo, ka ahantòny amin' ny hazo lava, ary izay rehetra voakaikitra dia ho velona, raha mijery izany. **9** Dia nanao menarana varahina Mosesy ka nanantona azy tamin' ny hazo lava; ary izay olona

voakaikitry ny menarana ka nijery ilay menarana varahina dia velona. **10** Ary ny Zanak' Isiraely nifindra ka nitoby tao Obota. **11** Ary nony niala tao Obota, izy, dia nitoby tao Ie-abarima, tany amin' ny efitra izay mifanolotra amin' i Moaba, tandrifin' ny fiposahan' ny masoandro. **12** Ary nony niala tao izy, dia nitoby tao amin' ny lohasahan-driaka Zareda. **13** Ary nony niala tao izy, dia nitoby tao an-dafin' i Arnona, izay any an-efitra sady avy amin' ny fari-tanin' ny Amorita; fa Arnona no fari-tanin' ny Moabita, eo anelanelan' ny Moabita sy ny Amorita. **14** Koa izany no ilazana eo amin' ny Bokin' ny Adin' i Jehovah hoe: Vaheba any Sofa sy ny lohasahan-driaka Arnona, **15** Ary ny tany kisolosolo amin' ny lohasahan-driaka, izay mandroso mankeo amin' ny tanin' i Ara ka mipaka amin' ny fari-tanin' i Moaba. **16** Ary niala tao izy hankany Bera, dia ilay lavaka fantsakana nilazan' i Jehovah tamin' i Mosesy hoe: Angony ny olona, fa homeko rano izy. **17** Dia nihira izao fihirana izao ny Isiraely: Miboiboiha, ry lavaka fantsakana! Ataovinareo ankira izy; **18** Lavaka fantsakana izay nohadin' ireo mpanao lalàna, ary nolavahan' ireo manan-kaja amin' ny firenena. Tamin' ny tehiny, dia ny tehina fanapahana. Ary nony niala tany an-efitra izy, dia nankao Matana. **19** Ary nony niala tao Matana izy, dia nankao Nahaliela; ary nony niala tao Nahaliela izy, dia nankao Bamota; **20** ary nony niala tao Bamota izy, dia nankany an-dohasaha izay ao amin' ny tany Moaba, ao an-tampon' i Pisga, izay manatrika ny efitra. **21** Ary ny Isiraely naniraka olona ho any amin' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, hanao hoe: **22** Aoka mba handeha hamaky ny taninao izahay, fa tsy hania ho amin' ny saha na ho amin' ny tanim-boaloboka izahay, ary tsy hisotro ny rano amin' ny lavaka fantsakana; ny lalan' andriana ihany no halehanay mandra-pahafakay ny fari-taninao. **23** Nefa Sihona tsy namela ny Isiraely handeha hamaky ny taniny, fa nanangona ny vahoakany rehetra izy ka nivoaka avy tany an-efitra hihaona amin' ny Isiraely, dia nankany Jahaza; ary niady tamin' ny Isiraely teo izy. **24** Ary ny Isiraely namely azy tamin' ny lelantsabatra ka nahazo ny taniny hatrany Amona ka hatrany Jaboka, dia hatramin' ny taranak' i Amona; fa mafy ny fari-tanin' ny taranak' i Amona. **25** Dia nalain' ny Isiraely izany tanàna rehetra izany; ary nonenany ny tanànan' ny Amorita rehetra, dia Hesbona sy ny zana-bohiny rehetra. **26** Hesbona no tanànan' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, izay efa nanafika ny mpanjakan' i Moaba taloha, ka efa nalainy taminy avokoa ny taniny rehetra hatrany Arnona. **27** Izany no nanaovan' ny mpanao oha-teny hoe: Midìra ao Hesbona ianareo; aoka hamboarina sy hatao mafy ny tanànan' i Sihona; **28** Fa nisy afo nivoaka avy tao Hesbona, sy lelafo avy tao an-tanànan' i Sihona, Ka nandevona an' i Aran' i Moaba sy ny tompon' ny havoan' i Arnona. **29** Lozanao, ry Moaba! Ringana ianao, ry olon' i Kemosy! Foiny handositra ny zananilahy, ary navelany ho babo ny zananivavy, ho an' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita. **30** Notifirintsika izy; ringana Hesbona hatrany Dibona; nofoanantsika izy hatrany Nofa, izay mipaka an' i Medeba. **31** Dia nitoetra tao amin' ny tanin' ny Amorita ny Isiraely. **32** Ary Mosesy naniraka olona hisafo an' i Jazera; ary ny Isiraely dia nahafaka ny zana-bohiny ka nandroaka ny Amorita izay tany. **33** Ary niverina ny olona ka niakatra tamin' ny lalana mankany Basana; dia nivoaka Oga, mpanjakan' i Basana, hihaona aminy, dia izy sy ny vahoakany rehetra, hiady tao Edrehy. **34** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Aza matahotra azy ianao, fa efa natolotro eo an-tananao izy sy ny vahoakany rehetra ary ny taniny; ary ianao hanao aminy araka izay nataonao tamin' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, izay nitoetra tao Hesbona. **35** Dia namely azy sy ny zananilahy ary ny vahoakany rehetra izy, ka tsy nasiany niangana na dia iray akory aza; dia nahazo ny taniny izy.

22 Ary ny Zanak' Isiraely nifindra nitoby tao Arbotamoaba, tany an-dafin' i Jordana tandrifin' i Jeriko. **2** Ary Balaka, zanak' i Zipora, nahita izay rehetra efa nataon' ny Isiraely tamin' ny Amorita. **3** Dia raiki-tahotra indrindra ny Moabita noho ny hamaroan' ny olona; ary nangorohoro ny Moabita noho ny Zanak' Isiraely. **4** Dia hoy izy tamin' ny loholon' ny Midianita: Ankehitriny dia hiraoka izay rehetra manodidina antsika ireto vahoaka be ireto tahaka ny firaokan' ny omby ny zava-maitso any antsaha. Ary Balaka, zanak' i Zipora, no mpanjakan' i Moaba tamin' izany andro izany. **5** Dia naniraka olona izy ho any amin' i Balama, zanak' i Beora, any Petora, izay eo amoron' ny Ony, dia eo amin' ny tanin' ny fireneny, mba hampaka azy, ka nanao hoe: Indro, misy firenena nivoaka avy tany Egypta; ary indro, mandrakotra ny tany rehetra izy ka mitoby tandrifiko; **6** koa ankehitriny mba mankanesa atỳ, ka ozòny ho ahy ity firenena ity, fa mahery noho izaho izy; angamba hahazo mamely azy isika, ka handroaka azy hiala amin' ny tany aho; satria fantatro fa izay tsofinao rano dia voatahy, ary izay ozoninao dia voaozona. **7** Dia nandeha ny loholon' ny Moabita sy ny loholon' ny Midianita nitondra ny saran' ny fankatovana teny an-tànany; dia nankany amin' i Balama izy ka nilaza taminy izay tenin' i Balaka. **8** Ary hoy Balama taminy: Mandria atỳ anio alina, dia hamaly ny teninareo aho, araka izay holazain' i Jehovah amiko. Dia nitoetra tao amin' i Balama ireo andriandahin' i Moaba. **9** Ary Andriamanitra nankao amin' i Balama ka nanao hoe: Iza moa ireo lehilahy ato aminao ireo? **10** Dia hoy Balama tamin' Andriamanitra: Balaka, zanak' i Zipora, mpanjakan' i Moaba, no efa naniraka tamiko hoe: **11** Indro ny firenena izay nivoaka avy tany Egypta mandrakotra ny tany rehetra; koa mankanesa atỳ ankehitriny, ka ozòny ho ahy izy; angamba haharesy azy aho ka haharoaka azy. **12** Ary hoy Andriamanitra tamin' i Balama: Aza mandeha miaraka aminy, na manozona izany firenena izany, fa voatahy izy. **13** Dia nifoha maraina koa Balama, ka nanao tamin' ireo andriandahin' i Balaka hoe: Andeha mody any amin' ny taninareo; fa tsy avelan' i Jehovah handeha hiaraka aminareo aho. **14** Ary niainga ireo andriandahin' i Moaba, dia tonga tany amin i Balaka ka nanao hoe: Tsy nety nandeha niaraka taminay Balama. **15** Ary Balaka naniraka andriandahy maro sady malaza noho ny teo indray. **16** Dia tonga tao amin' i Balama ireny ka nanao taminy hoe: Izao no lazain' i Balaka, zanak' i Zipora: Aoka mba tsy ho azon-tsampona ny hankanesanao atỳ amiko; **17** fa hanome

anao voninahitra lehibe indrindra aho, ary izay rehetra holazainao amiko dia hataoko avokoa; koa masìna ianao, mankanesa atỳ, ozòny ho ahy ity firenena ity. **18** Fa namaly Balama ka nanao tamin' ny mpanompon' i Balaka hoe: Na dia homen' i Balaka volafotsy sy volemana eran' ny tranony aza aho, dia tsy mahazo manoatra ny tenin' i Jehovah Andriamanitro aho, na handatsaka, na hampihoatra. **19** Nefa, na dia izany aza, mitoera atỳ ihany koa ianareo anio alina, mba ho fantatro izay mbola holazain' i Jehovah amiko koa. **20** Ary nony alina dia nankao amin' i Balama Andriamanitra ka nanao taminy hoe: Raha haka anao no nahatongavan' ireo olona ireo, dia miaingà ka mandehana ihany miaraka aminy; kanefa ny teny izay holazaiko aminao ihany no hataonao. **21** Dia nifoha maraina koa Balama ka nanisy lasely ny borikiny, dia nandeha niaraka tamin' ireo andriandahin' i Moaba. **22** Ary nirehitra taminy ny fahatezeran' Andriamanitra, satria nandeha izy; ka dia nijanona teo an-dalana Ilay Anjelin' i Jehovah ho mpisakana azy. Ary Balama nitaingina ny borikiny, ary ny zatovony roa lahy nanaraka azy. **23** Dia hitan' ny boriky nijanona teo an-dalana Ilay Anjelin' i Jehovah sady nitana ny sabany voatsoaka teny an-tànany; dia nivily lalana ny boriky ka nankany amin' ny saha; dia nikapoka ny boriky Balama mba hampiverina azy ho amin' ny lalana. **24** Ary Ilay Anjelin' i Jehovah nijanona teo an-kandemponana tanelanelan' ny tanim-boaloboka, izay nisy fefy teo an-daniny roa. **25** Ary ny boriky nahita Ilay Anjelin' i Jehovah, dia niampify teo amin' ny fefy ka nanery ny tongotr' i Balama tamin' ny fefy; dia nikapoka azy indray izy. **26** Ary mbola nandroso Ilay Anjelin' i Jehovah ka nijanona teo amin' ny fitoerana èty, izay tsy nisy lalana hiviliana, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia. **27** Ary ny boriky nahita ilay Anjelin' i Jehovah, dia nandry teo ambanin' i Balama; ary nirehitra ny fahatezeran' i Balama ka nikapoka ny boriky tamin' ny tehina izy. **28** Dia nosokafan' i Jehovah ny vavan' ny boriky, ka hoy ny boriky tamin' i Balama: Inona no nataoko taminao no dia nokapohinao intelo aho izao? **29** Dia hoy Balama tamin' ny boriky: Satria namazivazy ahy ianao; enga anie ka misy sabatra etỳ an-tanako, dia matiko mihitsy ianao ankehitriny. **30** Ary hoy ny boriky tamin' i Balama: Tsy borikinao va aho, izay nitaingenanao hatrizay nanananao ahy ka mandraka androany? Moa efa fanaoko va ny manao toy izao aminao? Dia hoy izy: Tsia. **31** Dia nampahiratin' i Jehovah ny mason' i Balama hahita Ilay Anjelin' i Jehovah mijanona eo an-dalana sady mitana ny sabany voatsoaka eny an-tànany; dia niondrika izy ka niankohoka. **32** Ary hoy Ilay Anjelin' i Jehovah taminy: Nahoana no nikapoka ny borikinao intelo ianao izao? indro, Izaho no nivoaka ho mpisakana anao, satria mivarina amin-doza eto anatrehako ny lalanao. **33** Koa nahita Ahy ny boriky ka nivily Ahy intelo izao; raha tsy nivily Ahy izy, dia ianao no nataoko maty mihitsy toy izay, fa izy kosa no novelomiko. **34** Dia hoy Balama tamin' Ilay Anjelin' i Jehovah: Efa nanota aho; fa tsy fantatro fa Hianao no nijanona nisakana ahy teo an-dalana; koa ankehitriny, raha tsy sitrakao izany, dia hiverina aho. **35** Fa hoy Ilay Anjelin' i Jehovah tamin' i Balama: Mandehana ihany miaraka amin' ireo lehilahy ireo, kanefa ny teny izay holazaiko aminao ihany no holazainao. Dia nandeha Balama niaraka tamin' ireo andriandahin' i Balaka. **36** Ary nony ren' i Balaka fa tonga Balama, dia nivoaka izy mba hitsena azy teo amin' ny Tanànan' i Moaba, teo amin' ny fari-tanin' i Arnona, izay eo amin' ny sisin' ny faritany. **37** Ary hoy Balaka tamin' i Balama: Tsy naniraka dia naniraka tany aminao va aho nampaka anao; ? Ka nahoana no tsy nankaty amiko ianao? tsy haiko tokoa va ny hanome voninahitra anao? **38** Dia hoy Balama tamin' i Balaka: Inty aho tonga eto aminao ankehitriny; kanefa mahazo milaza teny akory va aho? ny teny izay hataon' Andriamanitra ao am-bavako, dia izany no holazaiko. **39** Dia nandeha Balama niaraka tamin' i Balaka, ka nankany Kinata-hozota izy roa lahy. **40** Ary Balaka namono omby sy ondry aman' osy hatao fanatitra ka nampanatitra ho an' i Balama sy ny andriandahy izay teo aminy. **41** Ary nony maraina Balama dia nalain' i Balaka ka nentiny niakatra ho ao Bamota-bala, ka dia tazany tao ny olona hatramin' ny sisin' ny tobiny.

23 Ary hoy Balama tamin' i Balaka: Manorena alitara fito eto ho ahy, ka manamboara vantotr' ombilahy fito sy ondrilahy fito. **2** Dia narahin' i Balaka izay efa nolazain' i Balama; ary Balaka sy Balama nanatitra vantotr' ombilahy sy ondrilahy iray avy teo ambonin' ny isan' alitara. **3** Dia hoy Balama tamin' i Balaka: Mitoera eto anilan' ny fanatitra doranao, fa izaho kosa handeha; angamba ho avy hihaona amiko Jehovah; ary izay hasehony amiko dia hambarako aminao. Ary lasa nankany amin' ny tendrombohitra anankiray mangadihady izy. **4** Ary Andriamanitra dia nihaona tamin' i Balama; ary hoy Balama taminy: Ny alitara fito dia efa namboariko, ary efa nanatitra vantotr' ombilahy sy ondrilahy iray avy teo ambonin' ny isan' alitara aho. **5** Ary Jehovah nanisy teny teo ambavan' i Balama ka nanao hoe: Miverena any amin' i Balaka, ary izany no holazainao. **6** Dia niverina tany amin' i Balaka izy, ary, indreo, teo anilan' ny fanatitra dorany izy sy ireo andriandahin' i Moaba rehetra. **7** Dia nanao oha-teny Balama ka nilaza hoe: Balaka nampaka ahy avy tany Arama, Ny mpanjakan' i Moaba nampaka ahy avy tany amin' ny tendrombohitra atsinanana: Avia, ka ozòny ho ahy Jakoba; ary mankanesa atỳ, ka sahatoy ny Isiraely. **8** Hataoko ahoana no fanozona izay tsy nozonin' Andriamanitra? Ary hataoko ahoana no fisahato izay tsy nosahatoin' i Jehovah? **9** Fa eto an-tampon' ny vatolampy no ahitako azy, ary eto amin' ny havoana no itazanako azy; indro, firenena mitoka-monina izy, ary tsy hatao ho isan' ny jentilisa. **10** Iza no mahisa ny vovok' i Jakoba, na ny isan' ny ampahefatry ny Isiraely? Aoka ho tahaka ny fahafatesan' ny olo-marina ny fahafatesako, ary aoka ny hiafarako ho tahaka ny azy! **11** Dia hoy Balaka tamin' i Balama: Ahoana izao nataonao tamiko izao? Hanozona ny fahavaloko no nangalako anao, kanjo nitso-drano dia nitso-drano azy kosa ianao. **12** Dia namaly izy ka nanao hoe: Tsy hotandremako va ny hilaza izay ataon' i Jehovah eto am-bavako? **13** Dia hoy Balaka taminy: Andeha mba hiaraka amiko ho any amin' ny tany hafa izay hahitanao azy; kanefa ny sisiny ihany no ho hitanao eo, fa tsy ho hitanao

avokoa izy rehetra; ka ozòny ho ahy ao izy. **14** Dia nitondra azy tao an-tsaha Zofima izy, tao an-tampon' i Pisga; ary nanorina alitara fito izy ka nanatitra vantotr' ombilahy sy ondrilahy iray avy teo ambonin' ny isan' alitara. **15** Dia hoy izy tamin' i Balaka: Mitoera eto anilan' ny fanatitra doranao, fa izaho hankerỳ hihaona amin' i Jehovah. **16** Ary Jehovah nihaona tamin' i Balama, dia nanisy teny teo ambavany ka nanao hoe: Miverena mankeo amin' i Balaka ary izany no holazainao. **17** Ary nony tonga tany aminy izy, dia, indreo, teo anilan' ny fanatitra dorany izy sy ireo andriandahin' i Moaba izay teo aminy. Dia hoy Balaka taminy: Ahoana no nolazain' i Jehovah? **18** Dia nanao oha-teny Balama ka nilaza hoe: Mitsangàna, ry Balaka, ka mandrenesa; Atongilano amiko ny sofinao, ry zanak' i Zipora; **19** Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak' olombelona ka hanenina; moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? **20** Indro, ny hitahy no efa azoko; ary efa nitahy Izy, ka tsy mahova izany aho. **21** Tsy mijery faharatsiana eo amin' i Jakoba Izy. Ary tsy mahita fahoriana eo amin' ny Isiraely; Jehovah Andriamaniny no nomba azy, Ary hoby fanao amin' andriana no re eo aminy. **22** Nentin' Andriamanitra nivoaka avy tany Egypta izy, ary manan-kery toy ny ombimanga, **23** Fa tsy misy fisikidianana eo amin' i Jakoba, ary tsy misy fankatovana eo amin' Isiraely. Fa amin' ny fotoana no hilazana amin' i Jakoba sy Isiraely izay efa nataon' i Jehovah. **24** Indro, firenena mitsangana toy ny liom-bavy sy miarina toy ny liona; tsy handry izy mandra-pihinany toha sy mandra-pisotrony ny ran' ny voavono. **25** Dia hoy Balaka tamin' i Balama: Aza manozona na mitso-drano azy akory **26** Fa namaly kosa Balama ka nanao tamin' i Balaka hoe; Tsy efa nilaza taminao va aho ka nanao hoe: Izay rehetra holazain' i Jehovah, izany no hataoko? **27** Dia hoy Balaka tamin' i Balama: Andeha ho entiko any amin' izay tany hafa ianao; angamba ho sitrak' Andriamanitra ny hanozonanao azy any ho ahy. **28** Ary Balama dia nentin' i Balaka ho ao an-tampon' i Peora, izay manatrika ny efitra. **29** Dia hoy Balama tamin' i Balaka: Manorena alitara fito eto ho ahy, ka manamboara vantotr' ombilahy fito sy ondrilahy fito. **30** Ary Balaka dia nanao araka izay efa nolazain' i Balama ka nanatitra vantotr' ombilahy, sy ondrilahy iray avy teo ambonin' ny isan' alitara.

24 Ary rehefa hitan' i Balama fa sitrak' i Jehovah ny hitahy ny Isiraely, dia tsy nandeha tahaka ny teo hanao sikidy intsony izy, fa nitodika nanatrika ny efitra fotsiny. **2** Dia natopin' i Balama ny masony, ka nahita ny Isiraely mitoby araka ny fireneny izy; ary ny Fanahin' Andriamanitra tonga tamin' i Balama. **3** Dia nanao oha-teny izy ka nilaza hoe: Hoy Balama, zanak' i Beora, dia ny lehilahy izay voakimpy ny masony **4** Izay mandre ny tenin' Andriamanitra sady mahita fahitana avy amin' ny Tsitoha, torana, kanefa voahiratra ny masony: **5** Endrey ny hatsaran' ny lainao, ry Jakoba ô! sy ny lasinao, ry Isiraely ô! **6** Tahaka ny lohasaha malalaka, tahaka ny saha ao amoron' ony, tahaka ny hazo manitra nambolen' i Jehovah, tahaka ny hazo sedera ao amoron-drano. **7** Hisy rano mandeha avy eo amin' ny sininy, ary ny taranany ho any amoron' ny renirano maro. Hisandratra noho Agaga ny mpanjakany, ary handroso voninahitra ny fanjakany. **8** Nentin' Andriamanitra nivoaka avy tany Egypta izy. Ary manan-kery toy ny ombimanga; Handany ny jentilisa fahavalony izy, ka hotapatapahiny ny taolany, ary haripany amin' ny zana-tsipìkany. **9** Mamitaka izy, mandry toy ny liona, ary toy ny liom-bavy, ka iza no hanaitra azy? Hohasoavina anie izay manisy soa anao, ary ho voaozona anie izay manozona anao! **10** Dia nirehitra tamin' i Balama ny fahatezeran' i Balaka, ka niteha-tanana izy; dia hoy izy tamin' i Balama: Hanozona ny fahavaloko no niantsoako anao, kanjo efa nitso-drano azy intelo ianao izao. **11** Koa ankehitriny, mandosira ho any amin' ny fonenanao ianao. Hoy izaho teo: Hanome voninahitra anao tokoa aho; fa, indro, Jehovah efa nisakana anao tsy hahazo voninahitra. **12** Dia hoy Balama tamin' i Balaka: Moa tsy efa nilaza tamin' ny irakao izay nirahinao tamiko va aho ka nanao hoe: **13** Na dia homen' i Balaka volafotsy sy volamena eran' ny tranony aza aho, dia tsy mahazo manoatra ny didin' i Jehovah, na hanao soa, na hanao ratsy, avy amin' ny saiko; izay holazain' i Jehovah ihany no holazaiko? **14** Ary ankehitriny, indro, efa handeha ho any amin' ny fireneko aho, dia aoka hananatra anao aho ny amin' izay hataon' ity firenena ity amin' ny vahoakanao any am-parany. **15** Dia nanao oha-teny izy ka nilaza hoe: Hoy Balama, zanak' i Beora, dia ny lehilahy izay voakimpy ny masony; **16** Izay mandre ny tenin' Andriamanitra sady mahalala ny fahalalan' ny Avo Indrindra, izay mahita fahitana avy amin' ny Tsitoha, torana, kanefa voahiratra ny masony: **17** Hitako Izy, nefa tsy ankehitriny; tazako Izy, nefa tsy akaiky; misy kintana miseho avy amin' i Jakoba sy tehim-panjakana miposaka avy amin' Isiraely ka mandrava ny sisin-tanin' i Moaba Ary mandringana ny mpitabataba rehetra. **18** Edoma sy Seïra fahavalony dia samy lasany ho azy, ary ny Isiraely mandroso amin-kery. **19** Ary avy amin' i Jakoba no isehoan' Izay hanapaka ka handringana izay sisa avy ao an-tanàna. **20** Ary nahita ny Amalekita izy, dia nanao oha-teny hoe: Voalohany tamin' ny jentilisa Amaleka, fa ho lany ringana no hiafarany. **21** Ary nahita ny Kenita izy, dia nanao oha-teny hoe: Mafy orina ny fonenanao, ary atao ao amin' ny vatolampy ny akaninao. **22** Kanefa ho ringana Kaina, alohan' ny hamaboan' i Asyra anao. **23** Dia nanao oha-teny koa izy ka nilaza hoe: Indrisy! iza no ho velona, raha manao izany Andriamanitra? **24** Ary hisy sambo avy any amin' ny tany Kitima, dia hampietry an' i Asyra sy Ebera, ka ho lany ringana no hiafarany. **25** Dia niainga Balama ka lasa nody tany amin' ny fonenany; fa Balaka kosa nandeha tany amin' izay nalehany.

25 Ary nitoetra tao Sitima ny Isiraely, dia niantomboka nijangajanga tamin' ny zanakavavin' ny Moabita izy. **2** Fa ireo nanasa ny olona hihinana tamin' ny zavatra novonoiny ho fanatitra ho an' ny andriamaniny, ka nihinana ny olona sady niankohoka tamin' ny andriamaniny. **3** Dia niray tamin' i Bala-peora ny Isiraely, ka nirehitra taminy ny fahatezeran' i Jehovah. **4** Dia hoy Jehovah tamin' i

Mosesy: Alao ny loholona rehetra, ary ahantòny tandrifin' ny masoandro eo anatrehan' i Jehovah ireo nijangajanga ireo, mba hitsaharan' ny firehetan' ny fahatezeran' i Jehovah amin' ny Isiraely. **5** Dia hoy Mosesy tamin' ny mpitsara ny Isiraely: Samia ianareo mamono ny olom-peheziny, izay niray tamin' i Bala-peora. **6** Ary, indro, avy ny anankiray tamin' ny Zanak' Isiraely nitondra vehivavy Midianita teo amin' ny rahalahiny, teo imason' i Mosesy sy ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, izay nitomany teo amin' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana. **7** Ary raha nahita izany Finehasa, zanak' i Eleazara, zanak' i Arona mpisorona, dia nitsangana niala teo amin' ny fiangonana izy ka nitondra lefona teny an-tànany; **8** dia nandeha nanaraka ilay lehilahy Isiraelita tao an-day izy, ary nataony indray nandefona izy roroa, dia ny lehilahy Isiraelita sy ny vehivavy, ka voagorobaka hatrany amin' ny kibon-dravehivavy. Dia natsahatra ny areti-mandringana teo amin' ny Zanak' Isiraely. **9** Ary izay maty tamin' ny areti-mandringana dia efatra arivo amby roa alina. **10** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **11** Finehasa, zanak' i Eleazara, zanak' i Arona mpisorona, nampiala ny fahatezerako tamin' ny Zanak' Isiraely, raha firehitra noho ny fitiavany Ahy izy; ka dia tsy nataoko lany ringana ny Zanak' Isiraely tamin' ny firehetan' ny fahatezerako. **12** Ary noho izany dia lazao hoe: Indro, omeko azy ny faneken' ny fihavanako; **13** ary izy sy ny zanany mandimby azy no hanana izany ho faneken' ny fisoronana mandrakizay, satria nirehitra noho ny fitiavany an' Andriamaniny izy ka nanao fanavotana ho an' ny Zanak' Isiraely. **14** Ary ny anaran' ilay lehilahy Isiraelita novonoina, izay niaraka novonoina tamin-dravehivavy Midianita, dia Zimry, zanak i Salo, lohan' ny fianakaviana tamin' ny Simeonita. **15** Ary ny anaran' ny vehivavy Midianita izay novonoina dia Kosby, zanak' i Zora, lohan' ny fianakaviana tamin' ny Midianita. **16** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **17** Rafeso ny Midianita, ka iadio; **18** fa izy nandrafy anareo tamin' ny fanangoleny, izay nanangoleny anareo tamin' ny an' i Peora sy Kosby anabaviny, zanakavavin' ny andriandahy Midianita anankiray, izay novonoina tamin' ny andron' ny areti-mandringana noho ny an' i Peora.

26 Ary rehefa afaka ny areti-mandringana, dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy sy Eleazara, zanak' i Arona mpisorona: **2** Alao isa ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, araka ny fianakaviany avy, dia izay rehetra amin' ny Isiraely azo halefa hanafika. **3** Ary Mosesy sy Eleazara mpisorona dia nilaza taminy teo Arbota-moaba, teo amoron' i Jordana tandrifin' i Jeriko, ka nanao hoe: **4** Ny hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra no alao isa; araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy sy ny Zanak' Isiraely izay nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta. **5** Robena, lahimatoan' Isiraely; ary ny zanak' i Robena dia Hanoka sy ny fokon' ny Hanokita; avy tamin' i Palo ny fokon' ny Paloïta; **6** avy tamin' i Hezrona ny fokon' ny Hezronita; avy tamin' i Karmy ny fokon' ny Karmita. **7** Ireo no fokon' ny Robenita; ary izay voalamina taminy dia telo-polo amby fiton-jato sy telo arivo sy efatra alina. **8** Ary ny zanak' i Palo dia Eliaba. **9** Ary ny zanak' i Eliaba dia Nemoela sy Datana ary Abìrama. Ireo dia ilay Datana sy Abìrama, olom-boafidin' ny fiangonana, izay nila ady tamin' i Mosesy sy Arona, teo amin' ny antokon' i Kora, raha nila ady tamin' i Jehovah izy, **10** ary nisokatra ny tany ka nitelina azy mbamin' i Kora, tamin' ny nahafatesan' izany antokony izany, ary levon' ny afo koa ny dimam-polo amby roan-jato lahy ka tonga fananarana. **11** Kanefa ny zanak' i Kora tsy mba maty. **12** Ny taranak' i Simeona, araka ny fokony, dia izao: avy tamin' i Nemoela ny fokon' ny Nemoelita; avy tamin' i Jamina ny fokon' ny Jaminita; avy tamin' i Jakina ny fokon' ny Jakinita; **13** avy tamin' i Zera ny fokon' ny Zerita; avy tamin' i Saoly ny fokon' ny Saolita. **14** Ireo no fokon' ny Simeonita, dia roanjato amby roa arivo sy roa alina. **15** Ny taranak' i Gada, araka ny fokony, dia izao: avy tamin' i Zefona ny fokon' ny Zefonita; avy tamin' i Hagy ny fokon' ny Hagita; avy tamin' i Sony ny fokon' ny Sonita; **16** avy tamin' i Ozny ny fokon' ny Oznita; avy tamin' i Erỳ ny fokon' ny Erita; **17** avy tamin' i Aroda ny fokon' ny Arodita; avy tamin' i Arely ny fokon' ny Arelita. **18** Ireo no fokon' ny zanak' i Gada, araka izay voalamina taminy, dia diman-jato amby efatra alina **19** Ny zanak' i Joda dia Era sy Onana; kanefa Era sy Onana dia maty tany amin' ny tany Kanana ihany. **20** Ary ny taranak' i Joda, araka ny fokony, dia izao: avy tamin' i Sela ny fokon' ny Selita; avy tamin' i Fareza ny fokon' ny Farezita; avy tamin' i Zera ny fokon' ny Zerita. **21** Ary ny taranak' i Fareza dia izao: avy tamin' i Hezrona ny fokon' ny Hezronita; avy tamin' i Hamola ny fokon' ny Hamolita. **22** Ireo no fokon' i Joda, araka izay voalamina taminy, dia diman-jato amby enina arivo sy fito alina. **23** Ny taranak' Isakara, araka ny fokony, dia izao: avy tamin' i Tola ny fokon' ny Tolita; avy tamin' i Pova ny fokon' ny Povita; **24** avy tamin' i Jasoba ny fokon' ny Jasobita; avy tamin' i Simrona ny fokon' ny Simronita, **25** Ireo no fokon' Isakara, araka izay voalamina taminy, dia telon-jato amby efatra arivo sy enina alina. **26** Ny taranak' i Zebolona, araka ny fokony, dia izao: avy tamin' i Sereda ny fokon' ny Seredita; avy tamin' i Elona ny fokon' ny Elonita; avy tamin' i Jahalela ny fokon' ny Jahalelita. **27** Ireo no fokon' ny Zebolonita, araka izay voalamina taminy, dia diman-jato amby enina alina. **28** Ny zanak' i Josefa, araka ny fokony, dia Manase sy Efraima. **29** Ny taranak' i Manase dia izao: avy tamin' i Makira ny fokon' ny Makirita; ary Makira niteraka an' i Gileada; avy tamin' i Gileada ny fokon' ny Gileadita. **30** Izao no taranak' i Gileada: avy tamin' i Jezera ny fokon' ny Jezerita; avy tamin' i Heleka ny fokon' ny Helekita; **31** ary avy tamin' i Asriela ny fokon' ny Asrielita; ary avy tamin' i Sekema ny fokon' ny Sekemita; **32** ary avy tamin' i Semida ny fokon' ny Semidita; ary avy tamin' i Hefera ny fokon' ny Heferita. **33** Ary Zelofada, zanak' i Hefera, tsy mba nanan-janakalahy, fa zanakavavy ihany; ary ny anaran' ny zanakavavin' i Zelofada dia Mahala sy Noa sy Hogla sy Milka ary Tirza. **34** Ireo no fokon' i Manase; ary izay voalamina taminy dia fiton-jato amby roa arivo amby dimy alina. **35** Izao no taranak' i Efraima, araka ny fokony: avy tamin' i Sotela ny fokon' ny Sotelita; avy tamin' i Bekera

ny fokon' ny Bekerita; avy tamin' i Tahana ny fokon' ny Tahanita. **36** Ary izao no taranak' i Sotela: avy tamin' i Erana ny fokon' ny Eranita. **37** Ireo no fokon' ny taranak' i Efraima, araka izay voalamina taminy, dia diman-jato amby roa arivo sy telo alina. Ireo no taranak' i Josefa araka ny fokony. **38** Ny taranak' i Benjamina, araka ny fokony, dia izao: avy tamin' i Bela ny fokon' ny Belita; avy tamin' i Asibela ny fokon' ny Asibelita; avy tamin' i Ahirama ny fokon' ny Ahiramita; **39** avy tamin' i Sefofama ny fokon' ny Sefofamita; avy tamin' i Hofama ny fokon' ny Hofamita. **40** Ary ny taranak' i Bela dia Arda sy Namana; dia ny fokon' ny Ardita; ary avy tamin' i Namana ny fokon' ny Namanita. **41** Ireo no taranak' i Benjamina araka ny fokony; ary izay voalamina taminy dia enin-jato amby dimy arivo sy efatra alina. **42** Izao no taranak' i Dana, araka ny fokony: avy tamin' i Sohama ny fokon' ny Sohamita. Ireo no fokon' i Dana, araka ny fokony. **43** Ny fokon' ny Sohamita rehetra, araka izay voalamina taminy, dia efa-jato amby efatra arivo sy enina alina. **44** Ny taranak' i Asera, araka ny fokony dia izao: avy tamin' i Jimna ny fokon' ny Jimnita; avy tamin' i Jisvy ny fokon' ny Jisvita; avy tamin' i Bena ny fokon' ny Berita; **45** avy tamin' ny zanak' i Bena dia izao: avy tamin' i Hebera ny fokon' ny Heberita; avy tamin' i Malkiela ny fokon' ny Malkielita. **46** Ary ny anaran' ny zanakavavin' i Asera dia Sera. **47** Ireo no fokon' ny taranak' i Asera, araka izay voalamina taminy, dia efa-jato amby telo arivo sy dimy alina. **48** Ny taranak' i Naftaly, araka ny fokony, dia izao: avy tamin' i Jaziela ny fokon' ny Jazielita; avy tamin' i Gony ny fokon' ny Gonita; **49** avy tamin' i Jezera ny fokon' ny Jezerita; avy tamin' i Silema ny fokon' ny Silemita. **50** Ireo no fokon' i Naftaly araka ny fokony; ary izay voalamina taminy dia efa-jato amby dimy arivo sy efatra alina. **51** Ireo no voalamina tamin' ny Zanak' Isiraely, dia telo-polo amby fiton-jato sy arivo sy enina hetsy. **52** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **53** Ireo no hizarana ny tany ho lovany, araka ny isany. **54** Ny maro isa homenao zara-tany bebe kokoa, ary ny vitsy isa homenao kelikely kokoa; samy araka ny voalamina taminy no hanomezana ny zara-taniny. **55** Kanefa filokana no hizarana ny tany; araka ny anaran' ny firenen' ny razany no hahazoany zara-tany. **56** Dia filokana no hizarana ny tany ho lovany, na ny ho an' ny maro, na ny ho an' ny vitsy. **57** Ary izao no voalamina tamin' ny taranak' i Levy, araka ny fokony: avy tamin' i Gersona ny fokon' ny Gersonita; avy tamin' i Kehata ny fokon' ny Kehatita; avy tamin' i Merary ny fokon' ny Merarita. **58** Izao no fokon' i Levy: ny fokon' ny Libnita, ny fokon' ny Hebronita, ny fokon' ny Mahalita, ny fokon' ny Mosita, ny fokon' ny Koralta. Ary Kehata niteraka an' i Amrama. **59** Ary ny anaran' ny vadin' i Amrama dia Jokebeda, zanakavavin' i Levy, izay naterany tany Egypta; dia niteraka an' i Arona sy Mosesy ary Miriama anabaviny tamin' i Amrama izy. **60** Ary ny naterak' i Arona dia Nadaba sy Abiho sy Eleazara ary Itamara. **61** Fa maty Nadaba sy Abiho tamin' izy nanatitra afo tsy izy teo anatrehan' i Jehovah. **62** Ary izay voalamina taminy dia telo arivo amby roa alina, dia ny lahy rehetra hatramin' ny iray volana no ho miakatra; fa tsy niaraka nalamina tamin' ny Zanak' Isiraely izy, satria tsy mba nomena zara-tany teo amin' ny Zanak' Isiraely. **63** Ireo no voalamin' i Mosesy sy Eleazara mpisorona, izay nandamina ny Zanak' Isiraely teo Arbota-moaba, teo amoron' i Jordana tandrifin' i Jeriko. **64** Ary tamin' ireo dia tsy nisy olona avy tamin' izay efa voalamin' i Mosesy sy Arona mpisorona tamin' izy nandamina ny Zanak' Isiraely tany an-efitr' i Sinay. **65** Fa Jehovah efa nilaza azy hoe: Ho faty any an-efitra tokoa ireo. Koa dia tsy nisy olona sisa tamin' ireny afa-tsy Kaleba, zanak' i Jefone, sy Josoa, zanak' i Nona, ihany.

27 Ary avy ny zanakavavin' i Zelofada, zanakalahin' i Hefera, zanak' i Gileada, zanak' i Makira, zanak' i Manase, avy tamin' ny fokon' i Manase, zanak i Josefa (ary izao no anarany: Mahala sy Noa sy Hogla sy Milka ary Tirza), **2** dia nitsangana teo anatrehan' i Mosesy sy Eleazara mpisorona ary ny lohan' ny fiangonana sy ny fiangonana rehetra, teo anoloan' ny varavaran' ny tranolay fihaonana izy ka nanao hoe: **3** Ny rainay dia maty tany an-efitra, kanefa tsy mba isan' ny antokon' i Kora izay niangona hiodina tamin' i Jehovah tsy akory; fa matin' ny fahotany ihany izy, nefa tsy nanan-janakalahy. **4** Nahoana ny rainay no ho fati-maso eo amin' ny fokony, na dia tsy nanan-janakalahy aza izy? mba omeo zara-tany eo amin' ny rahalahin' ny rainay izahay. **5** Ary nalahatr' i Mosesy teo anatrehan' i Jehovah ny tenin' ireo. **6** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **7** Marina ny tenin' ny zanakavavin' i Zelofada: omeo zara-tany eo amin' ny rahalahin-drainy tokoa izy; dia ampandovay ny zara-tanin-drainy izy. **8** Ary lazao amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Raha misy lehilahy maty ka tsy manan-janakalahy, dia ny zananivavy no hampandovainareo ny zara-taniny. **9** Ary raha tsy manan-janakavavy izy, dia ny rahalahiny no homenareo ny zara-taniny. **10** Ary raha tsy manan-drahalahy izy, dia ny rahalahin-drainy no homenareo ny zara-taniny. **11** Ary raha tsy manan-drahalahy ny rainy, dia ny havany akaiky azy amin' ny fokony no homenareo ny zara-taniny, ka izy no handova azy: ho lalàna hitondrana ny Zanak' Isiraely izany araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **12** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Miakara amin' ity tendrombohitra Abarima ity, ka tazano ny tany izay omeko ny Zanak' Isiraely. **13** Ary rehefa hitanao izany, dia hangonina any amin' ny razanao koa ianao, tahaka izay nanangonana an' i Arona rahalahinao; **14** fa nandà ny teniko ianareo tany an-efitra Zina, tamin' ilay nilan' ny fiangonana ady, ka tsy nanamasina Ahy teo amin' ny rano teo imasony. (Izany no ranon' i Meriba any Kadesy any an-efitra Zina.) **15** Ary Mosesy niteny tamin' i Jehovah hoe: **16** Aoka Jehovah, Andriamanitry ny fanahin' ny nofo rehetra, hanendry lehilahy izay hitandrina ny fiangonana **17** ka hivoaka sy hiditra eo alohany ary hitarika azy hivoaka sy hiditra, mba tsy ho tahaka ny ondry tsy misy mpiandry ny fiangonan' i Jehovah. **18** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Alao ho anao Josoa, zanak' i Nona, lehilahy izay manam-panahy, ka ametraho ny tananao izy; **19** ary asaovy mijoro eo anatrehan' i Eleazara mpisorona sy ny fiangonana rehetra izy, ka mandidia azy eo imasony ianao.

20 Dia anomezo azy ny voninahitrao, mba hihainoan' ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra azy. **21** Ary Josoa hijanona eo anatrehan' i Eleazara mpisorona, izay hanadina amin' ny fitsaran' i Orima eo anatrehan' i Jehovah ho azy; araka ny teniny no hivoahany, ary araka ny teniny no hidirany, dia izy sy ny Zanak' Isiraely rehetra, dia ny fiangonana rehetra. **22** Ary nataon' i Mosesy araka izay efa nandidian' i Jehovah azy; dia naka an' i Josoa izy ka nampijoro azy teo anatrehan' i Eleazara mpisorona sy ny fiangonana rehetra **23** ka nametraka ny tànany taminy ary nandidy azy, araka ny tenin' i Jehovah izay nampitondrainy an' i Mosesy.

28 Ary Jehovah niteny tamin' i ka nanao hoe: **2** Mandidia ny Zanak' Isiraely hoe: Ny fanatitra ho Ahy, dia ny haniko, izay fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho Ahy, dia aoka hotandremanareo ny hanaterana izany ho Ahy amin' ny fotoany avy. **3** Ary lazao aminy hoe: Izao no fanatitra atao amin' ny afo, izay haterinareo ho an' i Jehovah: zanak' ondry roa isan' andro izay iray taona sady tsy misy kilema, ho fanatitra dorana mandrakariva **4** (ny zanak' ondry iray haterinao nony maraina, ary ny zanak' ondry iray koa haterinao nony hariva), **5** ary koba tsara toto ampahafolon' ny efaha, voaharo diloilo voavely ampahefatry ny hina, ho fanatitra hohanina. **6** Fanatitra dorana mandrakariva izany, izay voatendry tao an-tendrombohitra Sinay ho hanitra ankasitrahana, dia fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **7** Ary ny fanatitra aidina momba azy dia ampahefatry ny hina amin' ny isan-janak' ondry iray; ao amin' ny fitoerana masìna no hanidinanao divay ho an' i Jehovah ho fanatitra aidina. **8** Ary ny zanak' ondry iray koa haterinao nony hariva; ary fanatitra hohanina sy fanatitra aidina tahaka ny natao tamin' ny fanatitra maraina no hampombainao azy ho fanatitra atao amin' ny afo, ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah. **9** Ary amin' ny andro Sabata kosa dia izao no atero: zanak' ondry roa izay iray taona' sady tsy misy kilema, ary koba tsara toto roa ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo ho fanatitra hohanina ary ny fanatitra aidina momba azy. **10** Fanatitra dorana amin' ny isan-tSabata izany, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva sy ny fanatitra aidina momba azy. **11** Ary izao no atero amin' ny voalohambolanareo ho fanatitra dorana ho an' i Jehovah: vantotr' ombilahy roa sy ondrilahy iray ary zanak' ondry fito, izay iray taona sady tsy misy kilema, **12** ary koba tsara toto telo ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo ho fanatitra hohanina amin' ny isam-bantotr' ombilahy iray, ary koba tsara toto roa ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina amin' ny isan-ondrilahy iray, **13** ary koba tsara toto ampahafolon' ny efaha voaharo diloilo, ho fanatitra hohanina amin' ny isan-janak' ondry iray; ho fanatitra dorana izany, dia hanitra ankasitrahana, fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **14** Ary ny fanatitra aidina momba izany dia divay antsasaky ny hina amin' ny isam-bantotr' ombilahy iray, ary ampahatelon' ny hina ho amin' ny isan-ondrilahy iray, ary ampahefatry ny hina ho amin' ny isan-janak' ondry iray. Izany no fanatitra dorana amin' ny isam-bolana, araka ny volana amin' ny taona. **15** Ary osilahy iray koa hatao fanatitra noho ny ota ho an' i Jehovah; ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva no hanaterana azy sy ny fanatitra aidina momba azy. **16** Ary ny andro fahefatra ambin' ny folo amin' ny volana voalohany dia Paskan' i Jehovah. **17** Ary ny andro fahadimy ambin' ny folo amin' izany volana izany dia andro firavoravoana; hafitoana no hihinanana mofo tsy misy masirasira. **18** Amin' ny andro voalohany dia hisy fivoriana maina; aza manao taozavatra akory; **19** fa izao no atero ho fanatitra atao amin' ny afo, dia fanatitra dorana ho an' i Jehovah: vantotr' ombilahy roa sy ondrilahy iray ary zanak' ondry fito izay iray taona (izay tsy misy kilema no haterinareo). **20** ary koba tsara toto voaharo diloilo ho fanatitra hohanina momba izany (telo ampahafolon' ny efaha no hiaraka haterinareo amin' ny isam-bantotr' ombilahy iray, ary roa ampahafolon' ny efaha amin' ny isan-ondrilahy iray, **21** ary ampahafolon' ny efaha no hiaraka haterinao amin' ny isan-janak' ondry, dia ny zanak' ondry fito), **22** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, hanaovana fanavotana ho anareo. **23** Atero ireo ho fanampin' ny fanatitra dorana isamaraina, izay atao fanatitra dorana mandrakariva. **24** Araka izany no hanateranareo isan' andro amin' ny hafitoana, ho hanina ho an' i Jehovah, dia fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho Azy; ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva no hanaterana azy sy ny fanatitra aidina momba azy. **25** Ary amin' ny andro fahafito dia hisy fivoriana masìna ho anareo; aza manao tao-zavatra akory. **26** Ary amin' ny andro fanaterana ny voalohambokatra, raha manatitra fanatitra hohanina vaovao ho an' i Jehovah ianareo, rehefa afaka ireo herinandronareo, dia hisy fivoriana masìna ho anareo; aza manao tao-zavatra akory; **27** ary izao no atero ho fanatitra odorana ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah: vantotr' ombilahy roa sy ondrilahy iray sy zanak' ondry fito, izay iray taona avy, **28** ary koba tsara toto voaharo diloilo ho fanatitra hohanina momba azy (telo ampahafolon' ny efaha amin' ny isambantotr' ombilahy iray, roa ampahafolon' ny efaha amin' ny isan' ondrilahy iray, **29** ary ampahafolon' ny efaha amin' ny isan-janak' ondry iray, dia amin' ny zanak' ondry fito) **30** ary osilahy iray, hanaovana fanavotana ho anareo. **31** Dia haterinareo ireo sy ny fanatitra aidina momba azy ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva sy ny fanatitra hohanina momba azy; izay tsy misy kilema no haterinareo.

29 Ary amin' ny andro voalohany ny volana fahafito dia hisy fivoriana masìna ho anareo, aza manao tao-zavatra akory; ho andro fitsofan-trompetra ho anareo izany. **2** Ary izao no atero ho fanatitra odorana, ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah: vantotr' ombilahy iray sy ondrilahy iray ary zanak' ondry fito, izay iray taona avy sady tsy misy kilema, **3** ary koba tsara toto voaharo diloilo ho fanatitra hohanina momba azy (telo ampahafolon' ny efaha amin' ny isam-bantotr' ombilahy iray, roa ampahafolon' ny efaha amin' ny isan-ondrilahy iray, **4** ary ampahafolon' ny efaha amin' ny isan-janak' ondry, dia ny zanak' ondry

fito) **5** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, hanaovana fanavotana ho anareo, **6** ho fanampin' ny fanatitra dorana noho ny voaloham-bolana sy ny fanatitra ho hanina momba azy ary ny fanatitra dorana mandrakariva sy ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, araka ny fanaony, ho hanitra ankasitrahana, dia fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah. **7** Ary amin' ny andro fahafolo amin' izany volana fahafito izany dia hisy fivoriana masìna ho anareo, dia hampahory ny tenanareo ianareo; aza manao raharaha akory. **8** Ary izao no atero ho fanatitra dorana ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah: vantotr' ombilahy iray sy ondrilahy iray ary zanak' ondry fito izay iray taona avy (dia izay tsy misy kilema no haterinareo) **9** ary koba tsara toto voaharo diloilo ho fanatitra hohanina momba azy (telo ampahafolon' ny efaha amin' ny isam-bantotr' ombilahy iray, roa ampahafolon' ny efaha amin' ny isan-ondrilahy iray, **10** ary ampahafolon' ny efaha amin' ny isan-janak' ondry, dia amin' ny zanak' ondry fito) **11** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, ho fanampin' ny fanatitra noho ny ota hanaovana fanavotana sy ny fanatitra dorana mandrakariva sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **12** Ary amin' ny andro fahadimy ambin' ny folo amin' ny volana fahafito dia hisy fivoriana masìna ho anareo; aza manao tao-zavatra akory, fa mitandrema ny andro firavoravoana hafitoana ho an' i Jehovah. **13** Ary izao no atero ho fanatitra dorana, dia fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah: vantotr' ombilahy telo ambin' ny folo sy ondrilahy roa ary zanak' ondry efatra ambin' ny folo, izay iray taona avy sady tsy misy kilema. **14** ary koba tsara toto voaharo diloilo ho fanatitra hohanina momba azy (telo ampahafolon' ny efaha amin' ny isam-bantotr' ombilahy, dia ny vantotr' ombilahy telo ambin' ny folo, ary roa ampahafolon' ny efaha amin' ny isan-ondrilahy, dia ny ondrilahy roa **15** ary ampahafolon' ny efaha amin' ny isan-janak' ondry, dia ny zanak' ondry efatra ambin' ny folo) **16** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ny ota, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **17** Ary amin' ny andro faharoa koa dia vantotr' ombilahy roa ambin' ny folo sy ondrilahy roa ary zanak' ondry efatra ambin' ny folo, izay iray taona sady tsy misy kilema, **18** ary ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia amin' ny isam-bantotr' ombilahy sy ny isan-ondrilahy ary ny isan-janak' ondry, araka ny isany avy, araka ny fanao, **19** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva, sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **20** Ary amin' ny andro fahatelo koa dia vantotr' ombilahy iraika ambin' ny folo sy ondrilahy roa ary zanak' ondry efatra ambin' ny folo, izay iray taona sady tsy misy kilema, **21** ary ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia amin' ny vantotr' ombilahy sy ny ondrilahy ary ny zanak' ondry, araka ny isany avy, araka ny fanao, **22** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva, sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **23** Ary amin' ny andro fahefatra koa dia vantotr' ombilahy folo sy ondrilahy roa ary zanak' ondry efatra ambin' ny folo, izay iray taona sady tsy misy kilema, **24** ary ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia amin' ny vantotr' ombilahy sy ny ondrilahy ary ny zanak' ondry, araka ny isany avy, araka ny fanao, **25** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva, sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **26** Ary amin' ny andro fahadimy koa dia vantotr' ombilahy sivy sy ondrilahy roa ary zanak' ondry efatra ambin' ny folo, izay iray taona sady tsy misy kilema, **27** ary ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia amin' ny vantotr' ombilahy sy ny ondrilahy ary ny zanak' ondry, araka ny isany avy, araka ny fanao, **28** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva, sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **29** Ary amin' ny andro fahenina koa dia vantotr' ombilahy valo sy ondrilahy roa ary zanak' ondry efatra ambin' ny folo, izay iray taona sady tsy misy kilema, **30** ary ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia amin' ny vantotr' ombilahy sy ny ondrilahy ary ny zanak' ondry, araka ny isany avy, araka ny fanao, **31** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva, sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **32** Ary amin' ny andro fahafito koa dia vantotr' ombilahy fito sy ondrilahy roa ary zanak' ondry efatra ambin' ny folo, izay iray taona sady tsy misy kilema, **33** ary ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia amin' ny vantotr' ombilahy sy ny ondrilahy ary ny zanak' ondry, araka ny isany avy, araka ny fanao, **34** ary osilahy iray ho fanatitra noho ny ota, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva, sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **35** Ary amin' ny andro fahavalo dia hisy fara-fivoriana ho anareo; aza manao tao-zavatra akory. **36** Ary izao no atero ho fanatitra odorana, dia fanatitra atao amin' ny afo ho hanitra ankasitrahana ho an' i Jehovah: vantotr' ombilahy iray sy ondrilahy iray ary zanak' ondry fito, izay iray taona avy sady tsy misy kilema, **37** ary ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia amin' ny vantotr' ombilahy sy ny ondrilahy ary ny zanak' ondry, araka ny isany avy, araka ny fanao, **38** ary osilahy iray, ho fanatitra noho ny ota, ho fanampin' ny fanatitra dorana mandrakariva, sy ny fanatitra hohanina momba azy ary ny fanatitra aidina momba azy. **39** Ireo no haterinareo ho an' i Jehovah amin' ny fotoam-pivavahanareo afa-tsy ny fanati-panalamboadinareo sy ny fanati-tsitraponareo izay aterinareo ho fanatitra dorana sy fanatitra hohanina sy fanatitra aidina ary fanati-pihavanana. **40** Dia nolazain' i Mosesy tamin' ny Zanak' Isiraely izany, araka izay rehetra efa nandidian' i Jehovah azy.

30 Ary Mosesy niteny tamin' ireo lohan' ny firenen' ny Zanak' Isiraely ka nanao hoe: Izao no teny izay nandidian' i Jehovah: **2** Raha misy lehilahy mivoady amin' i Jehovah, na mianiana hamehy ny fanahiny hifady, dia

tsy hitsoa-teny izy; araka izay rehetra naloaky ny vavany no hataony. **3** Ary raha misy vehivavy mivoady amin' i Jehovah ka mamehy tena hifady, raha mbola zaza ao an-tranon-drainy izy, **4** ka ren-drainy ny voadiny sy ny namehezany ny fanahiny hifady, nefa tsy niteny azy rainy, dia tsy afaka ny voadiny sy izay famehezana na inona na inona namehezany ny fanahiny. **5** Fa raha nandrara azy rainy tamin' ny andro nandrenesany, dia afaka ny voadiny, na izay famehezana namehezany ny fanahiny; ary Jehovah hamela ny helony, satria nandrara azy rainy. **6** Ary raha manam-bady izy ka misy voady efa nataony, na misy teniteny foana nataon' ny molony, izay namehezany ny fanahiny hifady, **7** ka nandre izany ny lahy, nefa tsy niteny azy tamin' ny andro nandrenesany, dia tsy afaka ny voadiny sy izay famehezana namehezany ny fanahiny. **8** Fa raha nandrara azy ny vadiny tamin' ny andro nandrenesany, dia hahafoana ny voadiny izay nivoadiany sy izay teniteny foana naloaky ny vavany ka namehezany ny fanahiny izy; ary Jehovah hamela ny helony. **9** Fa ny amin' ny voadin' ny vehivavy maty vady na ny efa nisaorana kosa, dia tsy afaka izay rehetra namehezany ny fanahiny. **10** Ary raha nisy vehivavy nivoady tao an-tranon' ny vadiny, na nianiana namehy ny fanahiny hifady, **11** ka nandre ny vadiny, nefa tsy niteny azy na nandrara azy, dia tsy afaka ny voadiny, na ny famehezana na inona na inona izay namehezany ny fanahiny. **12** Fa raha nahafoana izany kosa ny vadiny tamin' ny andro nandrenesany, dia afaka izay rehetra naloaky ny vavany ho voadiny na ho famehezana ny fanahiny; ny vadiny no nahafoana izany, ary Jehovah hamela ny helony. **13** Ny voady rehetra sy ny fianianana rehetra amehezany tena hampahory ny tenany, dia ny lahy ihany no tsy hahafaka azy, na hahafaka azy. **14** Fa raha tsy niteny azy akory tamin' ny an-davan' andro ny lahy, dia tsy hahafaka ny voadiny, na izay famehezana namehezany ny tenany, izy; tsy mahafaka izany izy, satria tsy niteny azy tamin' ny andro nandrenesany. **15** Fa raha manao izay hahafoana izany izy aorian' ny andrenesany azy, dia hitondra ny heloky ny vavy izy. **16** Ireo no lalàna izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy ny amin' ny lehilahy sy ny vadiny, ary ny amin' ny ray sy ny zananivavy, raha mbola zaza ao an-tranon-drainy izy.

31 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Valio ny Midianita noho ny nataony tamin' ny Zanak' Isiraely; ary rehefa afaka izany, dia hangonina any amin' ny razanao ianao. **3** Dia niteny tamin' ny olona Mosesy ka nanao hoe: Miomàna ho any an-tafika ny sasany aminareo, ary aoka izy hanafika ny Midianita, hahatanteraka ny famalian' i Jehovah azy. **4** Arivo lahy avy isam-pirenena amin' ny firenen' Isiraely no hampandehaninareo ho any an-tafika. **5** Dia navahana tamin' ny firenen' Isiraely ny arivo isam-pirenena, dia roa arivo amby iray alina, samy voaomana hiady. **6** Ary nampandehanin' i Mosesy ho any an-tafika ireo arivo lahy isam-pirenena ireo sy Finehasa, zanak' i Eleazara mpisorona, izay nitondra ny fanaka masìna teny an-tànany, dia ny trompetra avo feo. **7** Dia niady tamin' ny Midianita ireo, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy; ary namono ny lehilahy rehetra izy **8** ary ny mpanjakan' i Midiana dimy lahy dia matiny niaraka tamin' ireny koa, dia Evy sy Rekema sy Zora sy Hora ary Reba; ary Balama, zanak' i Beora, koa dia novonoiny tamin' ny sabatra. **9** Ary ny Zanak' Isiraely namabo ny vehivavy Midianita sy ny zanany madinika; ary nobaboiny avokoa ny biby fiompiny rehetra sy ny omby aman' ondriny rehetra ary ny fananany rehetra. **10** Ary ny tanànany rehetra izay teo amin' ny fonenany sy ny tobiny rehetra dia nodorany tamin' ny afo. **11** Ary nalainy avokoa ny babo rehetra, na olona na biby fiompy, **12** dia nentiny tany amin' i Mosesy sy Eleazara mpisorona ary ny fiangonan' ny Zanak' Isiraely teo an-toby, teo Arbota-moaba, izay eo amoron' i Jordana tandrifin' i Jeriko. **13** Ary Mosesy sy Eleazara mpisorona ary ny lohan' ny fiangonana rehetra nivoaka hitsena azy teo ivelan' ny toby. **14** Ary tezitra tamin' ny mpifehy ny miaramila Mosesy, dia tamin' ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato, izay avy tany an-tafika, **15** ka hoy izy taminy: Nahoana no novelominareo ny vehivavy rehetra? **16** Ireo ihany no nampahadiso ny Zanak' Isiraely tamin' i Jehovah ny amin' i Peora, araka ny tenin' i Balama, ka nahazo ny fiangonan' i Jehovah ny areti-mandringana. **17** Koa ankehitriny, vonoy ny zazalahy madinika rehetra, ary vonoy koa ny vehivavy rehetra izay efa nahalala lahy. **18** Fa ny zazavavy rehetra izay tsy mbola nahalala lahy dia velomy ho anareo. **19** Ary mitobia eo ivelan' ny toby hafitoana; ary izay nahafaty olona na nikasika faty dia samia manadio ny tenany, na ianareo, na ny sambotrareo amin' ny andro fahatelo sy ny andro fahafito. **20** Ary ny fitafiana rehetra, na ny fanaka hoditra, na ny fanaka volon' osy, na ny fanaka hazo, dia diovy avokoa. **21** Ary hoy Eleazara mpisorona tamin' ny mpanafika, izay efa tany amin' ny ady: Izao no lalàna hotandremana, izay nandidian' i Jehovah' an i Mosesy: **22** Ny volamena sy ny volafotsy sy ny varahina sy ny vy sy ny vifotsy ary ny firaka, **23** dia ny zavatra rehetra izay maharitra afo, dia ataovy ao amin' ny afo, dia hadio, kanefa hodiovina amin' ny rano fanadiovana koa izy; ary izay rehetra tsy maharitra afo kosa dia ataovy ao amin' ny rano ihany. **24** Ary sasao ny fitafianareo amin' ny andro fahafito, dia hadio ianareo; ary rehefa afaka izany, dia mahazo miditra eo amin' ny toby ianareo. **25** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **26** Alaonao sy Eleazara mpisorona sy ny lohan' ny fianakaviana amin' ny fiangonana ny isan' ny babo izay azo, na olona, na biby fiompy; **27** ary sasaho ny babo ho an' izay niady, dia izay efa tany an-tafika, sy ho an' ny fiangonana rehetra; **28** kanefa makà anjara ho an' i Jehovah avy amin' ny mpanafika izay nivoaka ho any an-tafika, dia iray isan-diman-jato, na olona, na omby, na boriky, na ondry aman' osy; **29** ny antsasany izay azy no hanalanao izany ka homenao an' i Eleazara mpisorona ho fanatitra alaina ho an' i Jehovah. **30** Ary ny antsasany an' ny Zanak' Isiraely kosa dia analao iray isan-dimam-polo, na olona, na omby, na boriky, na ondry aman' osy, dia ny biby fiompy rehetra, ka omeo ho an' ny Levita, izay mitandrina ny anjara-raharaha momba ny tabernakelin' i Jehovah. **31** Dia nataon' i Mosesy sy Eleazara mpisorona izany, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy.

32 Ary ny babo sisa afa-tsy izay azon' ny mpanafika, dia ondry aman' osy dimy arivo amby fito alina sy enina hetsy, **33** sy omby roa arivo amby fito alina, **34** sy boriky arivo amby enina alina, **35** ary olona, dia ny zazavavy izay tsy mbola nahalala lahy, roa arivo amby telo alina. **36** Ary ny antsasany izay anjaran' ny efa tany an-tafika dia izao: ny isan' ny ondry aman' osy dia diman-jato amby fito arivo sy telo alina sy telo hetsy; **37** ary ny anjaran' i Jehovah avy tamin' ny ondry aman' osy dia dimy amby fito-polo sy enin-jato. **38** Ary ny omby dia enina arivo amby telo alina; ary ny anjaran' i Jehovah avy tamin' ireo dia roa amby fito-polo. **39** Ary ny boriky dia diman-jato amby telo alina; ary ny anjaran' i Jehovah avy tamin' ireo dia iraika amby enim-polo. **40** Ary ny zazavavy dia enina arivo amby iray alina; ary ny anjaran' i Jehovah avy tamin' ireo dia roa amby telo-polo. **41** Dia nomen' i Mosesy an' i Eleazara mpisorona ny anjara izay nalaina ho an' i Jehovah, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **42** Ary avy tamin' ny antsasany an' ny Zanak' Isiraely, izay nozarain' i Mosesy avy tamin' ny mpanafika **43** (fa ny antsasany an' ny fiangonana dia ondry aman' osy dimanjato amby fito arivo sy telo alina sy telo hetsy, **44** sy omby enina arivo amby telo alina, **45** sy boriky diman-jato amby telo alina, **46** ary olona enina arivo amby iray alina), **47** ny antsasany an' ny Zanak' Isiraely dia nanalan' i Mosesy iray isan-dimam-polo, na olona, na biby fiompy, ka nomeny ho an' ny Levita mpitandrina ny anjara-raharaha momha ny tabernakelin' i Jehovah izany, araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **48** Ary ny mpifehy, izay nifehy ny miaramila, dia ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato, dia nanatona an' i Mosesy **49** ka nanao taminy hoe: Ny mpanomponao efa naka ny isan' ny mpanafika izay nofehezinay, ka tsy misy diso isa aminay na dia lehilahy iray akory aza; **50** koa nitondra fanatitra ho an' i Jehovah izahay, dia ny firavaka volamena efa azonay avy, dia fehin-tanana sy haba sy peratra fanombohan-kase sy kavina ary voavola, hanaovana fanavotana ho an' ny ainay eo anatrehan' i Jehovah. **51** Dia noraisin' i Mosesy sy Eleazara mpisorona taminy ny volamena, dia firavaka voatefy avokoa. **52** Ary ny volamena rehetra tamin' ny fanatitra nalain' ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato ho an' i Jehovah, dia sekely dimam-polo amby fiton-jato sy enina arivo sy iray alina **53** (fa ny mpanafika samy namabo ho an' ny tenany). **54** Dia noraisin' i Mosesy sy Eleazara mpisorona ny volamena nomen' ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato ka nentiny tao amin' ny trano-lay fihaonana ho fahatsiarovana ho an' ny Zanak' Isiraely eo anatrehan' i Jehovah.

32 Ary nanana omby aman' ondry be indrindra ny taranak' i Robena sy ny taranak' i Gada; ary rehefa nahita ny tany Jazera sy ny tany Gileada izy, fa tany tsara ho fiandrasana omby aman' ondry io, **2** dia avy ny taranak' i Gada sy ny taranak' i Robena ka niteny tamin' i Mosesy sy Eleazara mpisorona sy tamin' ny lohan' ny fiangonana ka nanao hoe: **3** Atarota sy Dibona sy Jazera sy Nimra sy Hesbona sy Elale sy Sebama sy Nebo ary Beona, **4** ireo tany noresen' i Jehovah teo anoloan' ny fiangonan' ny Isiraely, dia tany tsara ho fiandrasana omby aman' ondry, ary ny mpanomponao manana omby aman' ondry; **5** dia hoy koa izy: Raha mahita fitia eo imasonao izahay; aoka homena anay mpanomponao ho zara-taninay io tany io; fa aza ampitaina an' i Jordana izahay. **6** Dia hoy Mosesy tamin' ny taranak' i Gada sy ny taranak' i Robena: Ny rahalahinareo handeha hanafika, ka ianareo kosa hijanona eto va? **7** Nahoana ianareo no mampiketraka ny fon' ny Zanak' Isiraely, mba tsy handehanany ho any amin' ny tany izay nomen' i Jehovah azy? **8** Izany no nataon' ny rainareo, fony nirahiko avy tao Kadesi-barnea hisafo ny tany izy; **9** fa raha niakatra hatrany an-dohasaha Eskola izy ka nahita ny tany, dia nampiketraka ny fon' ny Zanak' Isiraely izy, mba tsy handehanany ho any amin' ny tany izay efa nomen' i Jehovah azy. **10** Ary nirehitra ny fahatezeran' i Jehovah tamin' izay andro izay, dia nianiana Izy ka nanao hoe: **11** Ny olona izay niakatra avy tany Egypta, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, dia tsy hisy hahita ny tany izay efa nianianako tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba homena azy, satria tsy tanteraka tamin' ny fanarahana Ahy izy; **12** afa-tsy Kaleba, zanak' i Jefone Kenizita, sy Josoa, zanak' i Nona, izay tanteraka tamin' ny fanarahana an' i Jehovah. **13** Dia nirehitra tamin' ny Isiraely ny fahatezeran' i Jehovah, ka nampirenireny azy tany an-efitra efa-polo taona Izy mandra-pahalany ritra ny taranaka rehetra izay nanao ratsy teo imason' i Jehovah. **14** Ary, indreto, ianareo mitsangana hisolo ny rainareo, ho taranaka mbola mpanota, hampitombo ny firehetan' ny fahatezeran' i Jehovah amin' ny Isiraely. **15** Fa raha miala amin' ny fanarahana Azy ianareo dia hamela azy any an-efitra Indray Izy; ka dia ianareo no handringana izao olona rehetra izao. **16** Ary dia nanatona azy izy ireo ka nanao hoe: Hanao vala eto izahay ho an' ny omby aman' ondrinay sy tanàna koa ho an' ny zanakay madinika; **17** fa ny tenanay dia hiomana faingana handroso eo alohan' ny Zanak' Isiraely mandra-pitondranay azy ho any amin' ny taniny; ary ny zanakay madinika dia hitoetra amin' ny tanàna mimanda noho ny mponina amin' ny tany. **18** Tsy hody any an-tranonay izahay, mandra-pahazon' ny Zanak' Isiraely ny zara-taniny avy. **19** Fa tsy hiara-mandray zara-tany aminy izahay hatrany an-dafin' i Jordana no ho miankandrefana, satria efa azonay atỳ an-dafy atsinanan' i Jordana atỳ ny zara-taninay. **20** Dia hoy Mosesy taminy: Raha hanao izany zavatra izany ianareo ka hiomana eo anatrehan' i Jehovah ho any an-tafika, **21** ary rehefa samy efa voaomana hiady, dia hita ho any an-dafin' i Jordana eo anatrehan' i Jehovah, mandra-pandroakany ny fahavalony hiala eo anoloany, **22** ka ho resy eo anatrehan' i Jehovah ny tany; ary rehefa vita izany, dia hody ianareo ka tsy hanan-tsiny, na amin' i Jehovah, na amin' ny Isiraely; ary ity tany ity ho zara-taninareo eo anatrehan' i Jehovah. **23** Fa raha tsy hanao izany kosa ianareo, dia manota amin' i Jehovah; ary aoka ho fantatrareo fa hanody anareo ny fahotanareo. **24** Manaova tanàna ho an' ny zanakareo madinika sy vala ho an' ny ondry aman' osinareo, ka ataovy izay naloaky ny vavanareo. **25** Dia niteny tamin' i Mosesy ny taranak' i Gada sy ny taranak' i Robena ka nanao hoe: Ny mpanomponao dia hanao araka izay andidianao, tompoko:

26 ny zanakay madinika sy ny vadinay sy ny ondry aman' osinay ary ny biby fiompinay rehetra dia hitoetra ato amin' ny tanànan' i Gileada; **27** fa ny mpanomponao handeha hita, samy efa voaomana hiady eo anatrehan' i Jehovah, ho any an-tafika, araka izay nolazainao, tompoko. **28** Ary Mosesy dia nandidy an' i Eleazara mpisorona sy Josoa, zanak' i Nona, ary ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny firenen' ny Zanak' Isiraely ny amin' ireo **29** ka nanao taminy hoe: Raha handeha hita an' i Jordana hiaraka aminareo ny taranak' i Gada sy ny taranak' i Robena, samy efa voaomana hiady eo anatrehan' i Jehovah, ka ho resy ny tany eo anoloanareo, dia homenareo azy ny tany Gileada ho zara-taniny; **30** fa raha tsy mandeha samy efa voaomana hiady miaraka aminareo Izy, dia eo aminareo amin' ny tany Kanana ihany no hahazoany zara-tany. **31** Dia namaly ny taranak' i Gada sy ny taranak' i Robena ka nanao hoe: Araka izay nolazain' i Jehovah tamin' ny mpanomponao no hataonay: **32** Izabay handeha hita eo anatrehan' i Jehovah ho any amin' ny tany Kanana samy efa voaomana hiady, kanefa etỳ an-dafin' i Jordana etỳ ihany no hahazoanay zara-tany. **33** Dia nomen' i Mosesy ho an' ny taranak' i Gada sy ny taranak' i Robena ary ny an-tsasaky ny firenen' i Manase, zanak' i Josefa, ny fanjakan' i Sihona, mpanjakan' ny Amorka, sy ny fanjakan' i Oga, mpanjakan' i Basana dia ny tany mbamin' ny tanànany ao amin' ny fari-tany, dia ny tanàna eny amin' ny tany manodidina. **34** Ary ny taranak' i Gada nanao an' i Dibona sy Atarota sy Aroera **35** sy Atrota-sofana sy Jazera ary Jogbeha **36** sy Beti-nimra sy Beti-harana, tanàna mimanda, ary vala ho an' ny ondry. **37** Ary ny taranak' i Robena nanao an' i Hesbona sy Elale sy Kiriataima **38** sy Nebo sy Bala-meona (nefa novana ny anaran' ireo) ary Sibma; ary nasiany anarana vaovao ny tanàna izay nataony. **39** Ary ny taranak' i Makira, zanak' i Manase, nankany Gileada ka nahafaka azy, dia nandroaka ny Amorita izay nonina teo. **40** Ary Gileada dia nomen' i Mosesy an' i Makira, zanak' i Manase, ka nonina tao izy. **41** Ary Jaïra, zanak' i Manase, nandeha ka nahafaka ny tanàna madinika teo, ary ny anarany nataony hoe Havota-jaïra. **42** Ary Noba nandeha ka nahafaka an' i Kenata sy ny zana-bohiny, dia nataony hoe Noba, araka ny anarany izy.

33 Ary izao no nandehan' ny Zanak' Isiraely, izay nentin' i Mosesy sy Arona nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta araka ny antokony. **2** Dia nosoratan' i Mosesy ny nialany araka ny nandehanany, araka ny didin' i Jehovah; ary izao no nandehanany araka ny nialany: **3** Niala tao Ramesesa Izy tamin' ny volana voalohany, dia tamin' ny andro fahadimy ambin' ny folo tamin' ny volana voalohany; nony ampitson' ny Paska no nivoahan' ny Zanak' Isiraely tamin' ny tanana avo teo imason' ny Egyptiana rehetra. **4** Fa ny Egyptiana mbola nandevina izay efa novonoin' i Jehovah teo aminy, dia ny lahimatoa rehetra; ary ny andriamaniny dia notsarain' i Jehovah. **5** Ary nony niala tao Ramesesa ny Zanak' Isiraely, dia nitoby tao Sokota. **6** Ary nony niala tao Sokota izy, dia nitoby ao Etama, izay teo an-tsisin' ny efitra. **7** Ary nony niala tao Etama izy, dia nivily nankao Pi-hahirota, izay tandrifin' i Balazefona, ka nitoby tandrifin' i Migdola. **8** Ary nony niala tandrifin' i Hahirota izy, dia nandeha nita teo afovoan' ny ranomasina ho any an-efitra, dia nandeha lalan-kateloana tany an-efitra Etama izy ka nitoby tao Mara. **9** Ary nony niala tao Mara izy, dia nankany Elima; ary tao Elima dia nisy loharano roa ambin' ny folo sy hazo rofia fito-polo, dia nitoby teo izy. **10** Ary nony niala tao Elima izy, dia nitoby tao amoron' ny Ranomasina Mena. **11** Ary nony niala tao amoron' ny Ranomasina Mena izy, dia nitoby tany an-efitra Sina. **12** Ary nony niala tany an-efitra Sina izy, dia nitoby tao Dopka. **13** Ary nony niala tao Dopka izy, dia nitoby tao Alosy. **14** Ary nony niala tao Alosy izy, dia nitoby tao Refidima; ary tsy nisy rano tao hosotroin' ny olona. **15** Ary nony niala tao Refidima izy, dia nitoby tany an-efitr' i Sinay. **16** Ary nony niala tany an-efitr' i Sinay izy, dia nitoby tao Kibrota-hatava. **17** Ary nony niala tao Kibrota-hatava izy, dia nitoby tao Hazerota. **18** Ary nony niala tao Hazerota izy, dia nitoby tao Ritma. **19** Ary nony niala tao Ritma izy, dia nitoby tao Rimona-pareza. **20** Ary nony niala tao Rimona-pareza izy, dia nitoby tao Libna. **21** Ary nony niala tao Libna izy, dia nitoby tao Risa. **22** Ary nony niala tao Risa izy, dia nitoby tao Kehelata. **23** Ary nony niala tao Kehelata izy, dia nitoby tao an-tendrombohitra Sapera. **24** Ary nony niala tao an-tendrombohitra Sapera izy, dia nitoby tao Harada. **25** Ary nony niala tao Harada izy, dia nitoby tao Makelota. **26** Ary nony niala tao Makelota izy, dia nitoby tao Tahata. **27** Ary nony niala tao Tahata izy, dia nitoby tao Tera. **28** Ary nony niala tao Tera izy, dia nitoby tao Mitka. **29** Ary nony niala tao Mitka izy, dia nitoby tao Hasmona. **30** Ary nony niala tao Hasmona izy, dia nitoby tao Moserota. **31** Ary nony niala tao Moserota izy, dia nitoby tao Bene-jakana. **32** Ary nony niala tao Bene-jakana izy, dia nitoby tao Hora-hagidgada. **33** Ary nony niala tao Hora-hagidgada izy, dia nitoby tao Jotbata. **34** Ary nony niala tao Jotbata izy, dia nitoby tao Abrona. **35** Ary nony niala tao Abrona izy, dia nitoby tao Ezion-gebera. **36** Ary nony niala tao Ezion-gebera izy, dia nitoby tany an-efitra Zina (Kadesy izany). **37** Ary nony niala tao Kadesy izy, dia nitoby tao an-tendrombohitra Hora, tao an-tsisin' ny tany Edoma. **38** Ary Arona mpisorona niakatra tao an-tendrombohitra Hora, araka ny didin' i Jehovah, dia maty tao izy tamin' ny fahefa-polo taona taorian' ny nivoahan' ny Zanak' Isiraely avy tany amin' ny tany Egypta, tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahadimy. **39** Ary efa telo amby roa-polo amby zato taona Arona, raha maty tao an-tendrombohitra Hora izy. **40** Ary ren' ilay Kananita, mpanjakan' i Arada, izay nonina teo amin' ny tany atsimo amin' ny tany Kanana, fa avy ny Zanak' Isiraely. **41** Ary nony niala tao an-tendrombohitra Hora izy, dia nitoby tao Zalmona. **42** Ary nony niala tao Zalmona izy, dia nitoby tao Ponona. **43** Ary nony niala tao Ponona izy, dia nitoby tao Obota. **44** Ary nony niala tao Obota izy, dia nitoby tao Ie-abarima tao amin' ny faritanin' i Moaba. **45** Ary nony niala tao Ie-abarima izy, dia nitoby tao Dibon-gada. **46** Ary nony niala tao Dibon-gada izy, dia nitoby tao Almon-diblataima. **47** Ary nony niala tao Almon-diblataima izy, dia nitoby tao amin' ny tendrombohitra Abarima, tandrifin' i Nebo. **48** Ary nony niala tamin' ny tendrombohitra Abarima izy, dia

nitoby tao Arbota-moaba, teo amoron' i Jordana tandrifin' i Jeriko. **49** Ary nitoby teo amoron' i Jordana izy hatrany Betijesimota ka hatrany Abela-sitima, tao Arbota-moaba. **50** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy teo Arbota-moaba, teo amoron' i Jordana tandrifin' i Jeriko, ka nanao hoe: **51** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Rehefa tafita an' i Jordana ka tonga any amin' ny tany Kanana ianareo, **52** dia horoahinareo eo alohanareo ny mponina rehetra amin' ny tany, ary horavanareo ny vato soratany rehetra, ary hosimbanareo ny sarin-javany an-idina rehetra, ary horavanareo ny fitoerana avony rehetra; **53** dia halainareo ny tany, ka hitoetra eo ianareo; fa ianareo no nomeko ny tany ho zara-taninareo. **54** Ary filokana no hizaranareo ny tany araka ny fokonareo avy: ny maro isa homenareo zara-tany bebe kokoa, ary ny vitsy isa homenareo kelikely kokoa; samy ao amin' izay ivoahan' ny filokana ho azy no ho anjarany; araka ny firenen' ny razanareo no hahazoanareo zara-tany. **55** Fa raha tsy roahinareo eo alohanareo ny mponina amin' ny tany, dia ho lay amin' ny masonareo sy ho tsilo amin' ny tehezanareo izay avelanareo hitoetra eo, ka handrafy anareo eo amin' ny tany izay onenanareo izy; **56** ary hataoko aminareo izay nokasaiko hatao aminy.

34 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **2** Mandidia ny Zanak' Isiraely hoe: Raha tonga any amin' ny tany Kanana ianareo, dia izao no tany izay ho azonareo ho lova, dia ny tany Kanana araka izay fari-taniny. **3** Ary ny lafiny atsimo amin' ny taninareo dia hatramin' ny efitra Zina, izay mifanolotra amin' i Edoma. Ary ny fari-taninareo atsimo dia hatramin' ny faran' ny Ranomasin-tsira any atsinanana, **4** dia miolaka eo atsimon' ny fiakarana Akrabima, dia mandroso hatrany Zina, dia mahazo any atsimon' i Kadesibarnea, dia mahazo an' i Hazar-adara ka mandroso hatrany Azmona, **5** ary miolaka hatrany Azmona ka hatramin' ny lohasahan-driak' i Egypta, ka dia mihatra amin' ny ranomasina. **6** Ary ny amin' ny fari-tany andrefana, dia indro ny Ranomasina Lehibe sy ny amorony, ka hatreo no ho fari-taninareo andrefana. **7** Ary izao no ho fari-taninareo avaratra: hatramin' ny Ranomasina Lehibe dia aoka ny tendrombohitra Hora no hotandrifinareo; **8** ary hatramin' ny tendrombohitra Hora dia aoka ny lalana mankany Hamata no hotandrifinareo, ary aoka ny fari-tany hahazo an' i Zedada, **9** dia hahazo an' i Zifrona, ka dia hihatra an' i Hazar-enana; izany no ho faritaninareo avaratra. **10** Ary ny ho fari-taninareo atsinanana dia ampifanitsio amin' i Hazar-enana ka hatrany Sefama, **11** dia hidina hatrany Sefama ka hatrany Ribla any atsinanan' i Aina, dia mbola hidina ihany koa ka hipaka amin' ny Ranomasin' i Kinereta atsinanana, **12** dia hidina ihany indray hatrany Jordana, ka dia hihatra amin' ny Ranomasin-tsira. Izany no ho taninareo araka ny fari-taniny manodidina. **13** Ary Mosesy nandidy ny Zanak' Isiraely ka nanao hoe: Izany no tany izay hozarainareo araka ny filokana, dia izay andidian' i Jehovah homena ny firenena sivy sy sasany; **14** fa ny firenena taranak' i Robena araka ny fianakaviany sy ny firenena taranak' i Gada araka ny fianakaviany dia efa nandray ny zara-taniny, ary ny antsasaky ny firenen' i Manase koa dia efa nandray ny zara-taniny; **15** dia ny firenena roa sy sasany samy efa nandray ny zara-taniny atỳ an-dafy atsinanan' i Jordana, hitsin' i Jeriko, tandrifin' ny fiposahan' ny masoandro. **16** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **17** Izao no anaran' ny lehilahy izay hizara ny tany ho anareo: Eleazara mpisorona sy Josoa, zanak' i Nona. **18** Ary loholona iray avy amin' ny isam-pirenena koa no halainareo hizara ny tany. **19** Ary izao no anaran' ireo lehilahy ireo: ny avy amin' ny firenen' i Joda dia Kaleba, zanak' i Jefone; **20** ary ny avy amin' ny firenena taranak' i Simeona dia Semoela, zanak' i Amihoda; **21** ary ny avy amin' ny firenen' i Benjamina dia Elidada, zanak' i Kislona; **22** ary ny lohan' ny firenena taranak' i Dana dia Boky, zanak' i Jogly; **23** ary ny avy amin' ny taranak' i Josefa: ny lohan' ny firenena taranak' i Manase dia Haniela, zanak' i Efoda; **24** ary ny lohan' ny firenena taranak' i Efraima dia Kemoela, zanak' i Siftana; **25** ary ny lohan' ny firenena taranak' i Zebolona dia Elizafana, zanak' i Parnaka; **26** ary ny lohan' ny firenena taranak' Isakara dia Paltiela, zanak' i Azana; **27** ary ny lohan' ny firenena taranak' i Asera dia Ahihoda, zanak' i Selomy; **28** ary ny lohan' ny firenena taranak' i Naftaly dia Pedahela, zanak' i Amihoda. **29** Ireo no nodidian' i Jehovah hizara ny tany Kanana ho an' ny Zanak' Isiraely.

35 Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy teo Arbota-moaba, amoron' i Jordana tandrifin' i Jeriko, ka nanao hoe: **2** Mandidia ny Zanak' Isiraely mba hanome tanàna ao amin' ny zara-taniny avy honenan' ny Levita; ary homenareo tany manodidina ny tanàna koa izy. **3** Koa ny tanàna dia honenany; ary ny tany dia ho an' ny biby fiompiny sy ny fananany mbamin' ny bibiny rehetra. **4** Ary ny tany manodidina ny tanàna izay homenareo ny Levita dia izao: Hatramin' ny màndan' ny tanàna ka hatramin' ny faritry ny taniny dia arivo hakiho amin' ny lafiny efatra avy. **5** Dia handrefy roa arivo hakiho eo ivelan' ny tanàna ianareo amin' ny lafiny atsinanana, ary roa arivo hakiho amin' ny lafiny atsimo, ary roa arivo hakiho amin' ny lafiny andrefana, ary roa arivo hakiho amin' ny lafiny avaratra, ary ny tanàna dia ho eo afovoany; izany no ho taniny manodidina ny tanàna. **6** Ary izao no tanàna izay homenareo ny Levita: dia tanàna enina, fandosirana, izay homenareo handosiran' izay nahafaty olona, sy tanàna roa amby efa-polo koa. **7** Koa ny tanàna rehetra izay homenareo ny Levita dia valo amby efa-polo mbamin' ny tany manodidina azy. **8** Ary ny amin' ny tanàna izay homenareo avy amin' ny zara-tanin' ny firenen' ny Zanak' Isiraely, dia izay be no hanalanareo be, ary izay kely no hanalanareo kely: samy hanome tanàna ho an' ny Levita izy rehetra araka ny zara-taniny avy. **9** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy ka nanao hoe: **10** Mitenena amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Rehefa tafita an' i Jordana ianareo ka tonga any amin' ny tany Kanana, **11** dia hifidy tanàna ianareo, ho tanàna fandosirana ho anareo, mba handosiran' izay nahafaty olona tsy nahy. **12** Dia ho fandosirana ho anareo mba tsy ho azon' ny mpamaly rà izany tanàna izany, mba tsy ho faty izay nahafaty olona mandra-pisehony hotsaraina eo

anatrehan' ny fiangonana. **13** Ary ireo tanàna homenareo ireo dia ho tanàna fandosirana enina ho anareo. **14** Ny tanàna telo dia homenareo etỳ an-dafin' i Jordana etỳ, ary ny tanàna telo kosa homenareo ao amin' ny tany Kanana; ho tanàna fandosirana ireo. **15** Ireo tanàna enina ireo dia ho fandosirana ho an' ny Zanak' Isiraely sy ny vahiny ary ny mpitoetra ao aminy, mba handosiran' izay rehetra nahafaty olona tsy nahy. **16** Kanefa raha misy mamely vy olona ka mahafaty, dia nahafaty olona izy; hatao maty tokoa izay nahafaty olona. **17** Ary raha misy mamely vato olona ka mahafaty, dia nahafaty olona izy; hatao maty tokoa izay nahafaty olona. **18** Ary raha misy mamely hazo olona ka mahafaty, dia nahafaty olona izy; hatao maty tokoa izay nahafaty olona. **19** Ny mpamaly rà no mahazo mamono azy; raha mihaona aminy izy, dia mahazo mamono azy. **20** Ary raha misy mamely olona noho ny lolom-po, na mitoraka olona amin' ny fanotrehana, ka mahafaty, **21** na mamely amin' ny tànany noho ny fandrafiana ka mahafaty, dia hatao maty tokoa ilay namely; nahafaty olona izy; ny mpamaly rà no mahazo mamono azy, raha mihaona aminy izy. **22** Fa raha misy mamely olona tsy nahy, ka tsy noho ny fandrafiana, na mitoraka olona na amin' inona na amin' inona, nefa tsy amin' ny fanotrehana, **23** na sendra manjera vato ka mahafaty olona, nefa tsy hitany, sady tsy fahavalony izy, na mitady handratra azy, **24** dia hotsarain' ny fiangonana ilay namely sy ny mpamaly rà araka izany lalàna izany. **25** Ary hovonjen' ny fiangonana ho afaka amin' ny mpamaly rà ilay nahafaty olona, ka hateriny indray ho ao amin' ny tanàna fandosirana izay nalehany tamin' izy nandositra; ary hitoetra ao izy mandra-pahafatin' ny mpisoronabe izay voahosotra tamin' ny diloilo masìna. **26** Fa raha mivoaka ho eo ivelan' ny tanàna fandosirana izay nalehany tamin' izy nandositra ilay nahafaty olona **27** ka hitan' ny mpamaly rà eo ivelan' ny tanàna, dia azony vonoina izy; ary tsy hisy valin-drà amin' izany, **28** satria tokony ho nitoetra tao an-tanàna fandosirana izy mandra-pahafatin' ny mpisoronabe; fa rehefa maty ny mpisoronabe, dia mahazo mody any amin' ny zara-taniny ihany ilay nahafaty olona. **29** Ary izany zavatra izany dia ho lalàna hitondrana anareo hatramin' ny taranakareo fara mandimby eny amin' izay rehetra onenanareo. **30** Ny amin' izay rehetra mahafaty olona, dia hatao maty izay mahafaty, araka ny tenin' ny vavolombelona; nefa raha vavolombelona iray monja, dia tsy ampy hanameloka hahafaty olona izany. **31** Ary ianareo tsy handray avotry ny ain' ny nahafaty olona, izay meloka ka tokony ho faty; fa hatao maty tokoa izy. **32** Ary ianareo tsy handray avotra ho an' izay mandositra ho ao an-tanàna fandosirana, mba hodiany indray hitoetra amin' ny taniny, raha mbola tsy maty ny mpisorona. **33** Ary aza mametaveta ny tany izay onenanareo, fa ny rà dia fametavetana ny tany; ary ny tany tsy azo anaovana fanavotana ny amin' ny rà izay nalatsaka teo, afa-tsy amin' ny ran' izay nandatsaka azy ihany. **34** Ary aza lotoinareo ny tany onenanareo, izay itoerako; fa Izaho Jehovah mitoetra eo amin' ny Zanak' Isiraely.

36 Dia nanatona ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny fokon' ny taranak' i Gileada, zanak' i Makira, zanak' i Manase, avy tamin' ny fokon' ny taranak' i Josefa, ka niteny teo anatrehan' i Mosesy sy ny lehibe, lohan' ny fianakaviana tamin' ny Zanak' Isiraely, ka nanao hoe: **2** Hianao, tompokolahy, efa nodidian' i Jehovah hizara ny tany amin' ny filokana ho an' ny Zanak' Isiraely; ary ianao, tompokolahy, efa nodidian' i Jehovah hanome ny zara-tanin' i Zelofada rahalahinay ho an' ny zananivavy. **3** Koa raha manambady ny zanakalahin' ny firenena sasany amin' ny Zanak' Isiraely ireo, dia hesorina amin' ny an' ny razanay ny zara-taniny ka hanampy ny zara-tanin' ny firenena izay hatoniny, dia hesorina amin' ny zara-taninay izay azonay tamin' ny filokana izany. **4** Ary raha tonga ny Jobilin' ny Zanak' Isiraely, ny zara-taniny dia hanampy ny an' ny firenena izay hatoniny, ary ny azy dia hesorina amin' ny zara-tanin' ny razanay. **5** Ary Mosesy nandidy ny Zanak' Isiraely araka ny tenin' i Jehovah ka nanao hoe: Marina ny tenin' ny firenena taranak' i Josefa. **6** Izao no teny izay andidian' i Jehovah ny amin' ny zanakavavin' i Zelofada: Aoka izy hanambady izay tiany, nefa ny ao amin' ny fokon' ny firenen' ny razany ihany no hovadiny. **7** Dia tsy hifindra maso ny zara-tanin' ny firenen' ny Zanak' Isiraely; fa samy ho eo amin' ny zara-tanin' ny razany avy no hipetrahan' ny Zanak' Isiraely. **8** Ary ny zazavavy rehetra izay mandova zara-tany eo amin' ny firenen' ny Zanak' Isiraely dia hanambady ny anankiray ao amin' ny fokon' ny firenen' ny razany ihany, mba hananan' ny Zanak' Isiraely rehetra ny zara-tanin' ny razany avy. **9** Ary aoka tsy hisy hifindra maso ny zara-tanin' ny firenena samy hafa, fa samy ho eo amin' ny azy avy no hipetrahan' ny Zanak' Isiraely. **10** Araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy no nataon' ny zanakavavin' i Zelofada, **11** ka Mahala sy Tirza sy Hogla sy Milka ary Noa, zanakavavin' i Zelofada, dia samy nanambady ny zanaky ny rahalahin' ny rainy avy. **12** Izay avy tamin' ny fokon' ny taranak' i Manase, zanak' i Josefa, no novadin' ireo, ka dia nitoetra teo amin' ny firenen' ny mpianakavin' ny rainy ihany ny zara-taniny. **13** Ireo no didy sy fitsipika izay nandidian' i Jehovah ka nampitondrainy an' i Mosesy ho amin' ny Zanak' Isiraely teo Arbota-moaba, teo amoron' i Jordana tandrifin' i Jeriko.

Deotoronomia

1 Izao no teny izay nolazain' i Mosesy tamin' ny Isiraely rehetra tany an-dafin' i Jordana, tany an-efitra, dia tany amin' ny tani-hay tandrifin' i Sofa, tanelanelan' i Parana sy Tofela sy Labana sy Hazerota ary Dizahaba. **2** (Ialana Iraika ambin' ny folo andro Kadesi-barnea raha ao Horeba, raha ny lalana mahazo ny tendrombohitra Seïra no aleha.) **3** Ary tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahiraika ambin' ny folo tamin' ny taona fahefa-polo dia niteny tamin' ny Zanak' Isiraely Mosesy, araka izay rehetra efa nandidian' i Jehovah azy holazainy aminy, **4** rehefa namono an' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, ilay nonina tao Hesbona, sy Oga, mpanjakan' i Basana, ilay nonina tao Astarta tany Edrehy, izy. **5** Tany an-dafin' i Jordana, dia tany amin' ny tany Moaba, no nanombohan' i Mosesy nanazava izao lalàna izao hoe: **6** Jehovah Andriamanitsika niteny tamintsika tany Horeba ka nanao hoe: Aoka izay ny itoeranareo amin' ny tendrombohitra ity; **7** mihodìna ianareo, dia mandehana ka mankanesa any amin' ny tany havoan' ny Amorita sy any amin' izay rehetra ao akaikiny, dia any amin' ny tani-hay sy ny tany havoana sy ny tany lemaka amoron-tsiraka sy ny tany atsimo sy ny amoron' ny ranomasina, dia any amin' ny tanin' ny Kananita sy any Libanona ka hatrany amin' ny ony lehibe, dia ny ony Eofrata. **8** Indro, efa natolotro eo anoloanareo ny tany, idiro ka lovao ny tany izay efa nianianan' i Jehovah tamin' ny razanareo, Abrahama sy Isaka ary Jakoba, homena azy sy ny taranany mandimby azy. **9** Ary niteny taminareo tamin' izany andro izany aho ka nanao hoe: Tsy zakako izaho irery ny hitondra anareo; **10** Jehovah Andriamanitrareo efa nahamaro anareo, ary, indro, efa maro toy ny kintana eny amin' ny lanitra ianareo izao. **11** (Jehovah, Andriamanitry ny razanareo, anie hampitombo anareo ho arivo toraka izao ka hitahy anareo, araka izay efa nolazainy taminareo!) **12** Hataoko izaho irery ahoana no fitondra ny fahasahirananareo sy ny entanareo any ny adinareo? **13** Mifidiana izay lehilahy hendry sy manan-tsaina ary hita toetra amin' ny firenenareo, ka hataoko ho lehibenareo izy. **14** Dia namaly ahy ianareo ka nanao hoe: Tsara ny teny izay nolazainao ka tokony hankatoavina. **15** Ary nalaiko ny lohan' ny firenenareo, dia olona hendry sady hita toetra, ka nataoko mpifehy anareo, dia mpifehy arivo sy mpifehy zato sy mpifehy dimam-polo sy mpifehy folo ary mpitondra vahoaka amin' ny firenenareo. **16** Dia nandidy ny mpitsara anareo tamin' izany andro izany aho ka nanao hoe: Henoy ny adin' ny rahalahinareo, ka tsarao marina ny olona, na ny tompon-tany, na ny vahiny eo aminy. **17** Aza mizaha tavan' olona amin' ny fitsarana, fa henoy ny kely toy ny lehibe; aza matahotra olona akory, fa an' Andriamanitra ny fitsarana; ary izay sarotra loatra aminareo dia ento etỳ amiko ka hohenoiko. **18** Dia nandidy anareo tamin' izany andro izany aho ny amin' ny zavatra rehetra izay hataonareo. **19** Ary nony niala tany Horeba isika, dia nandeha namaky ilay efitra lehibe sy mahatahotra izay hitanareo teny amin' ny lalana mankany amin' ny tany havoan' ny Amorita, araka izay efa nandidian' i Jehovah Andriamanitsika; dia tonga tao Kadesi-barnea isika. **20** Dia hoy izaho taminareo: Hianareo efa tonga eto amin' ny tany havoan' ny Amonita, izay omen' i Jehovah Andriamanitsika ho antsika; **21** indro, efa natolotr' i Jehovah Andriamanitrao eo anoloanao ny tany; iakaro izy ka lovao, araka izay nolazain' i Jehovah, Andriamanitry ny razanao, taminao; aza matahotra na mivadi-po ianao. **22** Dia nanatona ahy ianareo rehetra ka nanao hoe: Aoka haniraka olona hialoha isika, mba hisafo ny tany ho antsika izy ka hitondra teny amintsika hilaza ny lalana izay halehantsika sy ny tanàna izay hiakarantsika. **23** Ary sitrako ny teny ka dia nifidy roa ambin' ny folo lahy teo aminareo aho, may avy isam-pirenena; **24** ary niainga ireo ka niakatra tany amin' ny tany havoana, dia tonga tao amin' ny lohasaha Eskola ka nisafo ny tany; **25** dia nangalany ny vokatry ny tany ka nentiny nidina tamintsika, dia nilaza tamintsika hoe izy: Tsara ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitsika ho antsika. **26** Kanefa tsy nety niakatra ianareo, fa nandà ny tenin' i Jehovah Andriamanitrareo. **27** Dia nimonomonona tao an-dainareo ianareo ka nanao hoe: Halan' i Jehovah isika, no nitondrany antsika nivoaka avy tany Egypta hanolorany antsika eo an-tànan' ny Amorita handringanana antsika. **28** Ho aiza no hiakarantsika? Ny rahalahintsika efa nanaketraka ny fontsika tamin' ny nanaovany hoe: Lehibe sy lava noho isika ny olona; ary ny tanàna dia lehibe sady misy mànda manakatra ny lanitra; ary efa hitanay teo koa ny taranaky ny Anakita. **29** Dia hoy izaho taminareo: Aza manahy, any aza matahotra azy; **30** Jehovah Andriamanitrareo, Izay mandeha eo anoloanareo, Izy no hiady ho anareo, araka izay rehetra nataony ho anareo tany Egypta teo imasonareo, **31** ary tany an-efitra, izay nahitanao ny fitondran' i Jehovah Andriamanitrao anao tahaka ny fitondran' ny olona ny zanany, dia teny amin' ny lalana rehetra izay nalehanareo mandra-pahatonganareo teto amin' ity tany ity. **32** Kanefa, na dia nataoko aza izany teny izany, mbola tsy ninoanareo ihany Jehovah Andriamanitrareo, **33** Izay nandeha tamin' ny lalana teo alohanareo hitady tany ho anareo hitobianareo, ka ny afo nony alina sy ny rahona nony antoandro no nisehoany hanoro izay lalana nety halehanareo. **34** Any nandre ny teninareo Jehovah, dia tezitra Izy ka nianiana hoe: **35** Tsy hisy olona mihitsy amin' izao taranaka ratsy fanahy izao hahita ny tany soa izay nianianako homena ny razanareo, **36** afa-tsy Kaleba, zanak' i Jefone; izy no hahita azy, any izy sy ny zanany no homeko ny tany izay nodiaviny, satria efa tanteraka tamin' ny fanarahana an' i Jehovah izy. **37** Ary izaho koa dia notezeran' i Jehovah noho ny aminareo ka nataony hoe: Hianao koa tsy hiditra any; **38** fa Josoa, zanak' i Nona, izay mitsangana eo anatrehanao, izy no hiditra any, koa izy no ampaherezo, fa izy no hampandova ny Zanak' Isiraely ny tany. **39** Ary ny zanakareo madinika, izay nolazainareo fa ho babo, any ny zanakareo izay tsy mahalala ny tsara sy ny ratsy amin' izao andro izao, dia izy no hiditra any, ary izy no homeko ny tany, ary izy no handova azy. **40** Fa ianareo kosa dia miverena, ka mandehana any an-efitra, dia any amin' ny lalana mankany amin' ny Ranomasina Mena. **41** Dia namaly ianareo ka

nanao tamiko hoe: Efa nanota tamin' i Jehovah izahay; hiakatra ihany izahay ka hiady, araka izay rehetra nandidian' i Jehovah Andriamanitsika antsika. Dia samy nivonona tamin' ny fiadiany avy ianareo rehetra, ka nataonareo ho tsinontsinona ny hiakatra any an-tendrombohitra. **42** Dia hoy Jehovah tamiko: Lazao aminy hoe: Aza miakatra ianareo, ary aza miady, fa tsy eo aminareo Aho; fandrao ho resy eo anoloan' ny fahavalonareo ianareo. **43** Dia niteny taminareo aho, nefa tsy nihaino ianareo; ary nandà ny tenin' i Jehovah ianareo, dia nanao sahisahy ka niakatra tany an-tendrombohitra ihany. **44** Dia nivoaka hiady aminareo ny Amorita, izay nonina tamin' izany tendrombohitra izany, ka nanenjika anareo tahaka ny fanenjiky ny reni-tantely, dia nandringana anareo tany Seïra ka hatrany Horma. **45** Dia niverina ianareo ka nitomany teo anatrehan' i Jehovah; nefa tsy nihaino ny feonareo Jehovah, na nanongilana ny sofiny taminareo. **46** Dia nitoetra ela tao Kadesy ianareo, araka ny andro izay nitoeranareo tao.

2 Dia niverina isika ka nandeha tany an-efitra tamin' ny lalana mankany amin' ny Ranomasina Mena, araka izay nolazain' i Jehovah tamiko; ary nanodidina ny tendrombohitra Seïra ela ihany isika. **2** Dia niteny tamiko Jehovah ka nanao hoe: **3** Aoka izay ny nandehananareo nanodidina ity tendrombohitra ity, fa miverena hianavaratra ianareo. **4** Ary mandidia ny olona hoe: Hianareo efa handeha hamaky ny tanin' ny taranak' i Esao rahalahinareo, izay monina any Seïra; dia hatahotra anareo izy; nefa mitandrema tsara ianareo, **5** ka aza mila ady aminy; fa tsy hanomezako anao ny taniny, na dia eram-paladia akory aza, satria nomeko ho lovan' i Esao ny tendrombohitra Seïra. **6** Vola no hamidinareo hanina aminy hohaninareo; ary vola koa no hamidinareo rano aminy hosotroinareo. **7** Fa Jehovah Andriamanitrao efa nitahy anao tamin' izay rehetra nataon' ny tananao; fantany ny nandehananao namaky ity efitra lehibe ity; izay efa-polo taona izay Jehovah Andriamanitrao no teo aminao, ka tsy nanan-java-mahory akory ianao. **8** Ary raha nandalo ny taranak' i Esao rahalahintsika izay monina any Seïra isika ary niala tamin' ny lalana amin' ny tani-hay sy tao Elata ary Ezion-gebera, dia nivily isika ka nandeha tamin' ny lalana mankany amin' ny efitr' i Moaba. **9** Dia hoy Jehovah tamiko: Aza mandrafy ny Moabita, na mila ady aminy, fa tsy hanomezako ho lovanao ny taniny, satria Ara dia nomeko ho lovan' ny taranak' i Lota. **10** (Ny Emima nonina tany fahiny, dia firenena lehibe sy maro isa ary olona lava tahaka ny Anakita. **11** Ireo koa no natao ho Refaïta tany aloha tahaka ny Anakita; fa ny Moabita kosa nanao azy hoe Emima. **12** Ary ny tany Seïra dia nonenan' ny Horita, fa ny taranak' i Esao nandroaka azy ka nandringana azy tsy ho eo anoloany, dia nonina nisolo azy, araka ny nataon' ny Isiraely tao amin' ny tany izay nomen' i Jehovah azy ho lovany.) **13** Ary miaingà ianareo ankehitriny, ka mandehana mita ny lohasahan-driaka Zareda. Dia nita ny lohasahan-driaka Zareda isika. **14** Ary ny andro nandehanantsika hatrany Kadesi-barnea ka hatramin' ny nitantsika ny lohasahan-driaka Zareda dia valo amby telo-polo taona, mandra-pahalany ritran' ny mpanafika rehetra tamin' izany taranaka rehetra izany ka tsy nisy intsony teo amin' ny toby, araka izay efa nianianan' i Jehovah taminy. **15** Ary koa, ny tànan' i Jehovah dia namely azy handringanana azy mandra-pahalany ritrany ka tsy nisy intsony teo amin' ny toby. **16** Ary rehefa lany ritra ny mpanafika ka maty avokoa, **17** dia niteny tamiko Jehovah ka nanao hoe: **18** Ankehitriny efa hamaky ny tany Moaba ianao ka hahazo any Ara, **19** dia ho tonga ao akaikin' ny taranak' i Amona, nefa aza mandrafy azy, na mila ady aminy; fa tsy hanomezako ho lovanao ny tanin' ny taranak' i Amona, satria nomeko ho lovan' ny taranak' i Lota izany. **20** (Izany koa no natao ho tanin' ny Refaïta; fa ny Refaïta no nitoetra tao tany aloha ka nataon' ny Amonita hoe Zamzomita. **21** Firenena lehibe sy maro isa ary olona lava tahaka ny Anakita ireny, nefa naringan' i Jehovah tsy ho eo anoloany izy, ka ny Amonita no nonina nisolo azy, **22** araka izay nataony koa ho an' ny taranak' i Esao, izay mitoetra any Seïra, fa nandringana ny Horita tsy ho eo anoloany Izy, ka dia nandroaka azy ireo ka nonina nisolo azy mandraka androany; **23** ary ny amin' ny Avita, izay nonina am-bohitra hatrany Gaza, dia naringan' ny Kaftorita, izay avy tany Kaftora, izy; ary ireo no nonina nisolo azy). **24** Mitsangàna, miaingà, ka mità ny lohasahan-driaka Arnona ianareo; indro, efa natolotro eo an-tananao Sihona Amorita, mpanjakan' i Hesbona, mbamin' ny taniny. Santaro ny handovanao azy, ka tafiho. **25** Anio no vao hataoko mahazo ny firenena ambanin' ny lanitra rehetra ny horohoro sy tahotra anareo, ka raha reny ny lazanao, dia hangovitra sy hangorohoro eo anoloanao izy. **26** Dia naniraka olona avy tany an-efitr' i Kedemota aho hankany amin' i Sihona, mpanjakan' i Hesbona, nitondra teny fihavanana hoe: **27** Aoka mba handeha hamaky ny taninao aho; ny lalambe ihany no halehako, ka tsy hivily aho, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia; **28** vola no hamidiko hanina aminao hohaniko, ary vola no hamidiko rano aminao hosotroiko; ary handalo fotsiny ihany aho **29** (araka izay nataon' ny taranak' i Esao, izay monina any Moabita, izay monina any Ara, tamiko) mandra-pitako an' i Jordana ho any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitray anay. **30** Fa Sihona, mpanjakan' i Hesbona, tsy nety namela antsika handeha hamaky ny taniny; fa Jehovah Andriamanitrao nanamafy ny fony sy nampahaditra ny fanahiny, mba hanolorany azy eo an-tananao tahaka ny amin' izao anio izao. **31** Dia niteny tamiko hoe Jehovah: Indro, vao manomboka hanolotra an' i Sihona sy ny taniny eo anoloanao Aho; santaro ny handovanao ny taniny. **32** Dia nivoaka Sihona mbamin' ny vahoakany rehetra hiady amintsika tao Jahaza. **33** Dia nanolotra azy teo anoloantsika Jehovah Andriamanitsika, ka nandresy azy sy ny zanany ary ny vahoakany rehetra isika. **34** Ary nahafaka ny tanànany rehetra tamin' izany andro izany isika ka nandringana ny mponina rehetra tamin' ny isan-tanàna mbamin' ny zaza amim-behivavy; tsy nasiantsika niangana izy na dia iray akory aza. **35** Ny biby fiompy sy ny fananany tao amin' ny tanàna izay afatsika ihany no nataontsika ho babo. **36** Hatrany Aroera, izay eo amoron' ny lohasahan-driaka Arnona, dia hatramin'

ny tanàna izay ao an-dohasaha ka hatrany Gileada, dia tsy nisy tanàna tsy afatsika; fa izy rehetra dia natolotr' i Jehovah Andriamanitsika teo anoloantsika. **37** Kanefa ny tanin' ny taranak' i Amona no tsy nakekenareo, dia ny tany amoron' ny lohasahan-driaka Jaboka, sy ny tanàna ao amin' ny tany havoana, ary izay rehetra nandraran' i Jehovah Andriamanitsika antsika.

3 Dia niverina isika ka niakatra tamin' ny lalana mankany Basana; ary nivoaka hiady amintsika tao Edrehy Oga, mpanjakan' i Basana, mbamin' ny vahoakany rehetra. **2** Ary hoy Jehovah tamiko: Aza matahotra azy ianao; fa efa natolotro eo an-tananao izy mbamin' ny vahoakany rehetra sy ny taniny, ary ianao hanao aminy araka izay nataonao tamin' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, izay nonina tao Hesbona. **3** Dia natolotr' i Jehovah Andriamanitsika teo an-tanantsika koa Oga, mpanjakan' i Basana, sy ny vahoakany rehetra; dia nandresy azy isika mandra-pahatsi-hisy niangana na dia iray akory aza. **4** Dia afatsika ny tanànany rehetra tamin' izany andro izany, tsy nisy tanàna izay tsy nalaintsika taminy, dia tanàna enim-polo, dia ny tany Argoba rehetra, izay fanjakan' i Oga tany Basana. **5** Ireo tanàna rehetra ireo dia samy nasiana manda avo sy vavahady ary hidy hahamafy azy, afa-tsy ny vohitra madinika maro dia maro. **6** Dia naringantsika ireny tahaka izay efa nataontsika tamin' i Sihona, mpanjakan' i Hesbona; naringana ny mponina rehetra tamin' ny isan-tanàna mbamin' ny zaza amim-behivavy. **7** Fa ny biby fiompy rehetra sy ny fananana tamin' ireo tanàna ireo dia nataontsika babo ho antsika. **8** Ary nalaintsika tamin' izany andro izany tamin' ny mpanjaka roan' ny Amorita ny tany izay any an-dafin' i Jordana, hatramin' ny lohasahan-driaka Arnona ka hatramin' ny tendrombohitra Hermona **9** Hermona nataon' ny Sidoniana hoe Siriona; ary ny Amorita kosa nanao azy hoe Senira, **10** dia ny tanàna rehetra amin' ny tany lemaka sy Gileada rehetra ary Basana rehetra hatrany Saleka sy Edrehy, dia ny tanàna amin' ny fanjakan' i Oga tany Basana. **11** Fa Oga, mpanjakan' i Basana, ihany no sisa velona tamin' ny Refalta; indro, farafara vy ny farafarany (tsy ao Raban' ny taranak' i Amona va Izany?), sivy hakiho ny halavany, ary efatra hakiho ny sakany, araka ny hakihon' ny lehilahy. **12** Ary io tany io dia azontsika tamin' izany andro izany; hatrany Aroera, izay eo amoron' ny lohasahan-driaka Arnona, sy ny antsasaky ny tany havoan' i Gileada ary ny tanàna eo dia nomeko ny Robenita sy ny Gadita. **13** ry Gileada sisa sy Basana rehetra, izay fanjakan' i Oga, dia nomeko ny antsasaky ny firenen' i Manase, dia ny tany Argoba rehetra, dia Basana rehetra (atao hoe tanin' ny Refaïta izany. **14** Jaïra, zanak' i Manase, no nahafaka ny tany Argoba rehetra, hatramin' ny fari-tanin' ny Gesorita sy ny Makatita; ary ny anaran' izany (dia Basana) nataony hoe Havota-jaïra, araka ny anaran-tenany ihany, mandraka androany). **15** Ary Gileada dia nomeko an' i Makira. **16** Ary ny Robenita sy ny Gadita dia nomeko ny hatrany Gileada ka hatramin' ny lohasahan-driaka Arnona, dia ny antsasaky ny lohasaha, sy ny fari-tany hatramin' ny amoron' ny lohasahan-driaka Jaboka, izay fari-tanin' ny taranak' i Amona, **17** ary ny tani-hay koa sy Jordana ary ny fari-tany hatrany Kireneta ka hatramin' ny ranomasina amin' ny tani-hay, dia ny Ranomasin-tsira, eo am-bodin' i Pisga, dia ao atsinanany. **18** Ary nandidy anareo tamin' izany andro izany aho ka nanao hoe: Jehovah Andriamanitrareo efa nanome anareo ity tany ity ho lovanareo; andeha mita eo alohan' ny Zanak' Isiraely rahalahinareo ianareo rehetra izay mahery, samy efa voaomana hiady. **19** Fa ny vadinareo sy ny zanakareo madinika ary ny ombinareo (fantatro fa be omby ianareo) dia hitoetra ao an-tanànanareo izay nomeko anareo, **20** mandra-panomen' i Jehovah fitsaharana ny rahalahinareo tahaka ny anareo, ka holovany koa ny tany izay nomen' i Jehovah Andriamanitrareo azy any an-dafin' i Jordana; dia hiverina ianareo, samy ho any amin' ny taniny avy, izay nomeko anareo. **21** Dia nandidy an' i Josoa aho tamin' izany andro izany ka nanao hoe: Ny masonao efa nahita izay rehetra nataon' i Jehovah Andriamanitrareo tamin' ireo mpanjaka roa lahy ireo; dia toy izany no hataon' i Jehovah amin' ny fanjakana rehetra izay halehanao. **22** Aza matahotra azy ianareo; fa Jehovah Andriamanitrareo no hiady ho anareo. **23** Dia nitaraina tamin' i Jehovah tamin' izany andro izany aho ka nanao hoe: **24** Jehovah Tompo ô, Hianao vao naneho tamin' ny mpanomponao ny fahalehibiazanao sy ny tananao mahery; fa aiza no misy andriamanitra, na any an-danitra na atỳ an-tany, izay mahay manao araka ny asanao sy ny herinao? **25** Aoka mba handeha hita aho ka hahita ny tany soa izay any an-dafin' i Jordana, dia ilay be tendrombohitra tsara sy Libanona. **26** Fa tezitra tamiko Jehovah noho ny aminareo ka tsy nihaino ahy; dia hoy Jehovah tamiko: Aoka izay, fa aza miteny amiko intsony ny amin' izany zavatra izany ianao. **27** Miakara eo an-tampon' i Pisga ianao, ary atopazy ny masonao miankandrefana sy mianavaratra ary mianatsimo sy miantsinanana, ary aoka hijery ny masonao; fa tsy hita izany Jordana izany ianao; **28** fa mandidia an' i Josoa ianao, dia mampahereza azy sy mampahatanjaha azy; fa izy no handeha hita eo alohan' ity firenena ity, ary izy no hampandova azy ny tany izay ho hitanao. **29** Ka dia nitoetra tany an-dohasaha tandrifin' i Beti-peora isika.

4 Ary ankehitriny, ry Isiraely, mihainoa ny didy sy ny fitsipika izay ampianariko anareo harahinareo, mba ho velona ianareo ka hiditra sy handova ny tany izay omen' i Jehovah, Andriamanitry ny razanareo, anareo. **2** Aza ampianareo ny teny izay andidiako anareo, ary aza anesoranareo, fa tandremo ny didin' i Jehovah Andriamanitrareo izay andidiako anareo. **3** Ny masonareo efa nahita izay nataon' i Jehovah noho ny tamin' i Bala-peora; fa ny olona rehetra izay nanaraka an' i Bala-peora dia naringan' i Jehovah Andriamanitrao tsy ho eo aminao. **4** Fa ianareo izay nifikitra tamin' i Jehovah Andriamanitrareo kosa dia samy velona avokoa izao anio izao. **5** Indro, efa nampianariko didy sy fitsipika ianareo, araka izay nandidian' i Jehovah Andriamanitro ahy, mba harahinareo any amin' ny tany izay efa hidiranareo holovana. **6** Koa tandremo ary ataovy izany, fa izany no ho fahendrenareo sy ho fananan areo saina eny imason' ny firenen-tsamy hafa; fa handre izany

lalàna rehetra izany izy ka hanao hoe: Olona hendry sy manan-tsaina tokoa io firenena io **7** Fa iza no firenena, na dia lehibe aza, no mba manana andriamanitra akaiky azy tahaka an' i Jehovah Andriamanitra amin' izay rehetra iantsoantsika Azy? **8** Ary iza no firenena, na dia lehibe aza, no mba manana didy sy fitsipika marina tahaka izao lalàna rehetra izao, izay ataoko eo anatrehanareo anio? **9** Kanefa kosa mitandrema ianao, ka tandremo tsara ny fanahinao, fandrao hadinoinao ny zavatra izay efa hitan' ny masonao, ary andrao miala amin' ny fonao izany, amin' ny andro rehetra hiainanao, fa ampahafantaro ny zanakao sy ny zafinao izany, **10** dia izay hitanao tamin' ny andro izay nitsangananao teo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao tany Horeba, fony Jehovah nilaza tamiko hoe: Angony etỳ amiko ny olona, dia hampandrenesiko azy ny teniko, izay hianarany mba hatahotra Ahy amin' ny andro rehetra hiainany ambonin' ny tany sady hampianariny ny zanany koa. **11** Dia nanakaiky ianareo ka nitsangana teo ambodin' ny tendrombohitra; ary ny tendrombohitra nirehitra afo manakatra ny lanitra, sady nisy aizina sy rahona ary aizim-pito. **12** Dia niteny taminareo teo amin' ny afo Jehovah; ny teny ihany no renareo, fa tsy nahita endrika akory ianareo. **13** Dia nambarany taminareo ny fanekeny, izay nandidiany anareo harahina, dia ny Didy Folo ary nosoratany teo amin' ny vato fisaka roa ireo. **14** Ary izaho nodidian' i Jehovah tamin' izany andro izany hampianatra anareo didy sy fitsipika, mba harahinareo any amin' ny tany izay efa hidiranareo holovana. **15** Dia tandremo tsara ny fanahinareo; fa tsy nahita endrika akory ianareo tamin' ny andro izay nitenenan' i Jehovah taminareo tao amin' ny afo tany Horeba; **16** fandrao manao ratsy ianareo ka manao sarin-javatra voasokitra ho anareo, araka izay endri-javatra na inona na inona, dia sarin-dehilahy, na sarim-behivavy, **17** na sarim-biby izay etỳ ambonin' ny tany, na sarim-borona manana elatra izay manidina eny amin' ny habakabaka, **18** na sarim-biby mandady na mikisaka amin' ny tany, na sarin-kazandrano izay ao amin' ny rano ambanin' ny tany. **19** Ary andrao raha miandrandra ny lanitra ianao ka mahita ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, dia izay rehetra eny amin' ny lanitra, dia ho voataona ianao hiankokoha eo anatrehany sy hanompo azy, izay nataon' i Jehovah Andriamanitrao ho anjaran' ny firenena rehetra ambanin' ny lanitra. **20** Fa ianareo no nalain' i Jehovah ka nentiny nivoaka avy tao amin' ny memy fandrendreham-by (dia avy tany Egypta) mba ho firenena ho Azy tahaka ny amin' izao anio izao. **21** Ary Jehovah dia tezitra tamiko noho ny aminareo ka nianiana fa tsy hita an' i Jordana aho, na hiditra any amin' ny tany soa izay omen' i Jehovah Andriamanitrao ho lovanao. **22** Fa izaho ho faty amin' ity tany ity, fa tsy hita an' i Jordana; fa ianareo kosa no hita ka handova izany tany soa izany. **23** Mitandrema ianareo, fandrao manadino ny faneken' i Jehovah Andriamanitrareo izay nataony taminareo ka manao sarin-javatra voasokitra ho anareo, araka ny endriky ny zavatra izay efa nandraran' i Jehovah Andriamanitrao anao. **24** Fa Jehovah Andriamanitrao dia afo mandevona; eny, Andriamanitra saro-piaro Izy. **25** Raha miteraka sy ho loa-jafy koa ianao, ka efa nitoetra ela teo amin' ny tany ianareo ary manao ratsy ka manao sarin-javatra voasokitra, araka izay endriky ny zavatra na inona na inona, sy manao ratsy eo imason' i Jehovah Andriamanitrao ary mampahatezitra Azy, **26** dia miantso ny lanitra sy ny tany ho vavolombelona aho anio fa vetivety foana dia ho fongotra tokoa ianareo tsy ho eo amin' ny tany izay alehanareo hita an' i Jordana holovana; tsy ho maro andro eo ianareo, fa haringana tokoa. **27** Ary Jehovah hampiely anareo any amin' ny firenen-tsamy hafa; ary ho tonga olom-bitsy izay sisa aminareo any amin' ny firenen-tsamy hafa izay hitondran' i Jehovah anareo. **28** Ary any no hanompoanareo andriamanitra asan' ny tànan' olona, dia vato aman-kazo, izay tsy mahita, na mandre, na mihinana, na manimbolo. **29** Kanefa any ianao no hitady an' i Jehovah Andriamanitrao ka hahita Azy, raha mitady Azy amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra. **30** Raha azom-pahoriana ianao, fa manjo anao ireo zavatra rehetra ireo, dia hiverina amin' i Jehovah Andriamanitrao ianao any am-parany ka hihaino ny feony; **31** fa Andriamanitra mamindra fo Jehovah Andriamanitrao ka tsy hahafoy anao, na handringana anao, na hanadino ny fanekena tamin' ny razanao, izay efa nianianany taminy. **32** Fa anontanio ange ny andro lasa, izay teo alohanao hatramin' ny andro izay namoronan' Andriamanitra olombelona tetỳ ambonin' ny tany ary hatramin' ny faravodilanitra manodidina, raha mba nisy zavatra lehibe tahaka izany, na mba efa nisy re tahaka izany. **33** Moa efa nisy firenena nandre ny feon' Andriamanitra niteny tao amin' ny afo, tahaka ny efa renao, ka velona ihany? **34** Moa efa nanandrana handeha haka firenena ho Azy avy amin' ny firenena hafa va Andriamanitra amin' ny fizahan-toetra sy ny famantarana sy ny fahagagana sy ny ady sy ny tanana mahery sy ny sandry nahinjitra ary ny fampahatahorana lehibe, araka izay rehetra nataon' i Jehovah Andriamanitrareo ho anareo tany Egypta teo imasonao? **35** Hianao no nampahitainy izany, mba hahafantaranao fa Jehovah no Andriamanitra, fa tsy misy afa-tsy Izy. **36** Avy tany an-danitra no nampandrenesany anao ny feony hananarany anao; ary teo ambonin' ny tany no nanehoany anao ny afony lehibe; ary ny teniny efa renao avy tao afovoan' ny afo. **37** Ary satria tia ny razanao Izy ka nifidy ny zanany mandimby azy, dia Izy no nitondra anao nivoaka avy tany Egypta tamin' ny heriny lehibe, **38** handroahany eo anoloanao firenena maro izay lehibe sy mahery noho ianao, mba hampidirany anao sy hanomezany anao ny taniny ho lova, tahaka ny amin' izao anio izao. **39** Koa aoka ho fantatrao anio, ka tsarovy ao am-ponao, fa Jehovah no Andriamanitra any amin' ny lanitra ambony sy etỳ amin' ny tany ambany, ka tsy misy afa-tsy Izy. **40** Dia tandremo ny lalàny sy ny didiny izay andidiako anao anio, mba hahita soa ianao sy ny taranakao mandimby anao, ary mba ho maro andro ianao any amin' ny tany, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao ho anao mandrakizay. **41** Ary tamin' izay Mosesy dia nanokana tanàna telo any an-dafy atsinanan' i Jordana, **42** mba handosiran' izay nahafaty ny namany tsy nahy ka tsy nankahala azy teo aloha, dia ho velona izy raha mandositra ao amin' ny anankiray amin' ireo tanàna ireo: **43** dia Bazera any an-efitra, amin' ny

tany lemaka, an' ny Robenita; ary Ramota-gileada an' ny Gadita; ary Golana any Basana an' ny Manasita. **44** Ary izao no lalàna izay nalahatr' i Mosesy teo anatrehan' ny Zanak' Isiraely. **45** Izao no teni-vavolombelona sy didy ary fitsipika, izay nambaran' i Mosesy tamin' ny Zanak' Isiraely, rehefa nivoaka avy tany Egypta izy, **46** tany an-dafin' i Jordana, tao an-dohasaha tandrifin' i Beti-peora, tao amin' ny tanin' i Sihona, ilay mpanjakan' ny Amorita nonina tao Hesbona, dia ilay noresen' i Mosesy sy ny Zanak' Isiraely, rehefa nivoaka avy tany Egypta izy, **47** ka dia azony ny tanin' i Sihona sy ny tanin' i Oga, mpanjakan' i Basana, dia ny mpanjaka roa tamin' ny Amorita, izay tany an-dafy atsinanan' i Jordana, **48** hatrany Aroera, izay ao amoron' ny lohasahan-driaka Arnona, ka hatramin' ny tendrombohitra Siona (Hermona izany), **49** dia ny tani-hay rehetra any an-dafy atsinanan' i Jordana ka hatramin' ny ranomasina amin' ny tani-hay eo am-bodin' i Pisga.

5 Ary Mosesy niantso ny Isiraely rehetra ka nanao taminy hoe: Ry Isiraely ô, mihainoa ny didy sy ny fitsipika izay lazaiko eto anatrehanareo anio, ka ianaro ireo, sy mitandrema mba hankatò azy. **2** Jehovah Andriamanitsika nanao fanekena tamintsika tany Horeba; **3** tsy tamin' ny razantsika no nanaovan' i Jehovah izany fanekena izany, fa tamintsika, dia isika rehetra izay samy mbola velona eto anio. **4** Niteny nifanatrika taminareo Jehovah tao an-tendrombohitra, tao amin' ny afo. **5** Izaho nitsangana teo anelanelan' i Jehovah sy ianareo tamin' izany andro izany, hanambara aminareo ny tenin' i Jehovah, fa natahotra noho ny fahitana ny afo ianareo ka tsy niakatra tao amin' ny tendrombohitra, ka hoy Izy: **6** Izaho no Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, tamin' ny trano nahandevozana. **7** Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany. **8** Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra any amin' ny lanitra ambony, na izay etỳ amin' ny tany ambany, na izay any amin' ny rano ambanin' ny tany. **9** Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy; fa Izaho, Jehovah Andriamanitrao, dia Andriamanitra saropiaro ka mamaly ny heloky ny ray amin' ny zanaka hatramin' ny zafiafy sy ny zafindohalika, dia amin' izay mankahala Ahy, **10** nefa kosa mamindra fo amin' ny olona arivo mandimby, izay tia Ahy ka mitandrina ny didiko. **11** Aza manonona foana ny anaran' i Jehovah Andriamanitrao; fa tsy hataon' i Jehovah ho tsy manan-tsiny izay manonona foana ny anarany. **12** Mitandrema ny andro Sabata hanamasima azy, araka izay nandidian' i Jehovah Andriamanitrao anao. **13** Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. **14** Fa Sabatan' i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito; koa aza manao raharaha akory ianao amin' izany, na ny zanakao-lahy, na ny zanakao-vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao, na ny ombinao, na ny borikinao, na ny biby fiompinao rehetra, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao; mba hitsaharan' ny ankizilahinao sy ny ankizivavinao tahaka anao koa. **15** Ary tsarovy fa andevo tany amin' ny tany Egypta ianao, ka tanana mahery sy sandry nahinjitra no nitondran' i Jehovah Andriamanitrao anao nivoaka avy tany; izany no nandidian' i Jehovah Andriamanitrao anao hitandrina ny andro Sabata. **16** Manajà ny rainao sy ny reninao, araka izay nandidian' i Jehovah Andriamanitrao anao, mba ho maro andro ianao, ary mba hahita soa any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao ho anao. **17** Aza mamono olona. **18** Ary aza mijangajanga. **19** Ary aza mangalatra. **20** Ary aza mety ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao. **21** Ary aza mitsiriritra ny vadin' ny namanao; ary aza mitsiriritra ny tranon' ny namanao, na ny taniny, na ny ankizilahiny, na ny ankizivaviny, na ny ombiny, na ny borikiny, na izay mety ho an' ny namanao akory aza. **22** Ireo teny ireo no nolazain' i Jehovah tamin' ny feo mahery tao amin' ny afo sy ny rahona ary ny aizim-pito, raha nivory tany an-tendrombohitra ianareo, ka dia tsy nampiany intsony; ary nosoratany tamin' ny vato fisaka roa ireo ka natolony ahy. **23** Ary rehefa renareo ny feo avy tao amin' ny aizina, raha nirehitra afo ny tendrombohitra, dia nanatona ahy ianareo, dia ny loham-pirenenareo rehetra sy ny loholonareo, **24** ka hoy ianareo: Indro, efa nampahitain' i Jehovah Andriamanitsika ny voninahiny sy ny fahalehibiazany isika, ary efa rentsika ny feony avy tao amin' ny afo; koa efa hitantsika androany fa Andriamanitra miteny amin' ny olona, nefa velona ihany izy. **25** Koa ankehitriny, nahoana no ho faty izahay? fa handevona anay io afo lehibe io; raha mbola mandre ny feon' i Jehovah Andriamanitsika indray izahay, dia ho faty. **26** Fa iza moa tamin' ny nofo rehetra no efa nandre ny feon' Andriamanitra velona niteny tao afovoan' ny afo, tahaka antsika, ka velona ihany? **27** Manatòna ianao, ka mihainoa izay rehetra holazain' i Jehovah Andriamanitsika; ary ianao no aoka hilaza aminay izay rehetra holazain' i Jehovah Andriamanitsika aminao, dia hohenoinay ka harahinay izany. **28** Ary Jehovah nandre ny teninareo, raha niteny tamiko ianareo, ka hoy Izy tamiko: Efa reko ny tenin' ireo olona ireo, izay nolazainy taminao, ka tsara izay rehetra nolazainy. **29** Enga anie ka mba hanana fo toy izany izy hatahorany Ahy sy hitandremany ny didiko rehetra mandrakariva, mba hahita soa izy sy ny taranany mandrakizay **30** Mandehana, ka lazao aminy hoe: Miverena any an-dainareo ianareo. **31** Fa ianao kosa dia mijanòna eto anilako, ka holazaiko aminao ny lalàna rehetra sy ny didy ary ny fitsipika, izay hampianarinao azy mba harahiny any amin' ny tany izay omeko azy ho lovany. **32** Koa tandremo mba hanao araka izay efa nandidian' i Jehovah Andriamanitrareo anareo; aza mivily, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia; **33** fa ny lalana rehetra izay nandidian' i Jehovah Andriamanitrareo anareo no halehanareo, mba ho velona ianareo ka hahita soa, ary ho maro andro any amin' ny tany izay holovanareo.

6 Ary izao no lalàna, dia ny didy sy ny fitsipika, izay nasain' i Jehovah Andriamanitrareo hampianarina anareo mba harahinareo any amin' ny tany izay alehanareo holovana, **2** mba hatahoranao an' i Jehovah Andriamanitrao, hitandremanao ny lalàny rehetra sy ny didiny izay andidiako anao, dia ianao sy ny zanakao ary ny zafinao, amin' ny andro rehetra hiainanao, mba ho maro andro ianao. **3**

Koa mihainoa, ry Isiraely, ka mitandrema hanaraka izany, mba hahita soa ianao, ary mba hitomboanareo indrindra, araka izay nolazain' i Jehovah, Andriamanitry ny razanao, taminao, dia any amin' ny tany tondra-dronono sy tantely. **4** Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany. **5** Ary tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra. **6** Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao. **7** Dia ampianaro tsara ny zanakao izany, ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao ianao, na mandeha any an-dalana, na mandry, na mifoha; **8** ary fehezo ho famantarana eo amin' ny tananao ireny, ary aoka ho fehy fampahatsiarovana eo ambonin' ny handrinao, **9** ary soraty eo amin' ny tolam-baravaran' ny tranonao sy eo amin' ny vavahadinao. **10** Ary rehefa entin' i Jehovah Andriamanitrao ianao ho any amin' ny tany izay nianianany tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba razanao homena anao, dia tany misy tanàna lehibe sady tsara, izay tsy nataonao, **11** sy trano feno zava-tsoa rehetra, izay tsy nofenoinao, sy lavaka famorian-drano voalavaka eo amin' ny vato, izay tsy nolavahanao, sy tany voavoly voaloboka sy hazo oliva, izay tsy nambolenao, ary mihinana ianao ka voky, **12** dia mitandrema fandrao hadinoinao Jehovah, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, tamin' ny trano nahandevozana. **13** Matahora an' i Jehovah Andriamanitrao ianao, ka manompoa Azy, ary aoka ny anarany no hianianao. **14** Aza manaraka izay andriamani-kafa amin' ireny andriamanitry ny firenena manodidina anareo, **15** fa Andriamanitra saro-piaro eo aminao Jehovah Andriamanitrao, fandrao hirehitra aminao ny fahatezeran' i Jehovah Andriamanitrao, ka hofongorany tsy ho eo ambonin' ny tany ianao. **16** Aza maka fanahy an' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo, tahaka ilay nakanareo fanahy Azy tao Masa. **17** Tandremo tsara ny didin' i Jehovah Andriamanitrareo sy ny teni-vavolombelony ary ny lalàny, izay efa nandidiany anao. **18** Ary ataovy izay mahitsy sady tsara eo imason' i Jehovah, mba hahita soa ianao ary mba hidiranao handova ny tany soa izay nianianan' i Jehovah tamin' ny razanao homena azy, **19** ary mba horoahiny tsy ho eo anoloanao ny fahavalonao rehetra, araka izay nolazain' i Jehovah. **20** Ary raha manontany anao ny zanakao amin' ny andro ho avy ka manao hoe: Manao ahoana moa ny teni-vavolombelona sy ny didy ary ny fitsipika, izay efa nandidian' i Jehovah Andriamanitsika anareo? **21** Dia holazainao aminy hoe: Andevon' i Farao tany Egypta isika, ary tanana mahery no nitondran' i Jehovah antsika nivoaka avy tany Egypta. **22** Ary Jehovah nanao famantarana sy fahagagana lehibe sady mandoza tamin' ny Egyptiana sy Farao ary ny ankohonany teo imasontsika. **23** Ary nitondra antsika nivoaka avy tany Izy hampidirany antsika mba homeny antsika ny tany izay nianianany tamin' ny razantsika homena azy. **24** Ary Jehovah nandidy antsika hanaraka ireo didy rehetra ireo sy hatahotra an' i Jehovah Andriamanitsika, mba hahita soa mandrakariva isika sy ho velona tahaka ny amin' izao anio izao. **25** Ary ho fahamarinantsika ny mitandrina hanaraka izany didy rehetra izany eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitsika, araka izay efa nandidiany antsika.

7 Rehefa entin' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka tafiditra any amin' ny tany izay efa hidiranao holovana, ary firenena maro no voaroakany hiala eo anoloanao, dia ny Hetita sy ny Girgasita sy ny Amorita sy ny Kananita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita, dia firenena fito izay lehibe sy mahery noho ianao. **2** ary rehefa voatolotr' i Jehovah Andriamanitrao eo anoloanao ireny ka resinao: dia aringano mihitsy izy; aza manao fanekena aminy, na mamindra fo aminy; **3** ary aza mifanambady anaka aminy: ny zanakao-vavy tsy homenao ho vadin' ny zananilahy, ary ny zananivavy tsy halainao ho vadin' ny zanakao-lahy. **4** Fa hampiala ny zanakao-lahy amin' ny fanarahana Ahy izy mba hanompoany andriamani-kafa, dia hirehitra aminareo ny fahatezeran' i Jehovah, ka handrifigana anao vetivety Izy. **5** Fa izao kosa no ataovinareo aminy: ny alitarany horavanao, ary ny tsangam-baton-tsampiny hovakivakinao; ny Aserahany hokapainao, ary ny sarin-javatra voasokitra hodoranao amin' ny afo. **6** Fa firenena masìna ho an' i Jehovah Andriamanitrao ianao; fa ianao efa nofidin' i Jehovah Andriamanitrao ho firenena rakitra soa ho Azy mihoatra noho ny firenena rehetra ambonin' ny tany. **7** Tsy ny hamaroanareo noho ny firenena rehetra anefa no niraiketan' ny fitiavan' i Jehovah taminareo sy nifidianany anareo, fa ianareo dia vitsy noho ny firenena rehetra aza; **8** fa ny nitiavan' i Jehovah anareo sy ny nitandremany ny fianianana izay efa nianianany tamin' ny razanareo no nitondran' i Jehovah anareo tamin' ny tanana mahery sy nanavotany anao tamin' ny trano nahandevozana dia tamin' ny tànan' i Farao, mpanjakan' i Egypta. **9** Koa aoka ho fantatrao fa Jehovah Andriamanitrao ihany no Andriamanitra, dia Andriamanitra mahatoky, Izay mitandrina fanekena sy famindram-po amin' izay tia Azy sy mitandrina ny didiny, hatramin' ny taranaka arivo mandimby, **10** ary mamaly miharihary izay mandrafy Azy amin' ny fandringanana azy; tsy hitaredretra Izy ny amin' izay mandrafy Azy, fa hamaly azy miharihary. **11** Koa tandremo ny lalàna sy ny didy ary ny fitsipika, izay andidiako anao anio, ka araho izy. **12** Ary raha mihaino ireo fitsipika ireo ianareo ka mitandrina sy manaraka azy, dia hotanterahin' i Jehovah Andriamanitrao aminao ny fanekena sy ny famindram-po, izay nianianany tamin' ny razanao; **13** dia ho tia anao sy hitahy anao ary hahamaro anao Izy; ary Izy hitahy ny ateraky ny kibonao sy ny vokatry ny taninao, dia ny varinao sy ny ranom-boalobokao sy ny diloilonao, ary ny ateraky ny ombinao sy ny ateraky ny ondry aman' osinao any amin' ny tany izay nianianany tamin' ny razanao homena anao. **14** Hotahina ianao mihoatra noho ny firenena rehetra; tsy hisy lahy na vavy tsy hiteraka, na ianareo na ny biby fiompinareo. **15** Ary harovan' i Jehovah tsy ho azon' aretina ianao, ka tsy hisy hameliny anao ny aretin-dratsin' i Egypta, izay fantatrao; fa hataony amin' izay rehetra mankahala anao kosa ireny. **16** Ary aoka holaninao ny firenena rehetra, izay hatolotr' i Jehovah Andriamanitrao anao, ka aoka tsy hiantra azy ny masonao; ary aza

manompo ny andriamaniny, fa ho fandrika aminao ireny. **17** Raha ianao hanao anakampo hoe: Maro noho izaho ireo firenena ireo, ka hataoko ahoana no fahay mandroaka azy? **18** dia aza matahotra azy ianao; fa tsarovy tsara izay nataon' i Jehovah Andriamanitrao tamin' i Farao sy ny Egyptiana rehetra, **19** dia ny fizahan-toetra lehibe, izay efa hitan' ny masonao, sy ny famantarana sy ny fahagagana sy ny tanana mahery ary ny sandry nahinjitra, izay nitondran' i Jehovah Andriamanitrao anao nivoaka; fa toy izany no hataon' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny firenena rehetra izay atahoranao. **20** Ary ny fanenitra koa dia hampandehanin' i Jehovah Andriamanitrao ho eo aminy mandra-paharingan' izay sisa sy izay efa niery ka tsy hitanao. **21** Aza matahotra azy ianao; fa Jehovah Andriamanitrao no eo aminao, dia Andriamanitra lehibe sy mahatahotra. **22** Ary horoahin' i Jehovah Andriamanitrao eo alohanao tsikelikely ireny firenena ireny; tsy haharoaka azy faingana ianao, fandrao hihamaro ny bibi-dia ka hamely anao. **23** Fa hatolotr' i Jehovah Andriamanitrao eo anoloanao izy ka hataony mifanaritaka be ihany mandra-pahalany ritrany. **24** Dia hatolony eo an-tananao koa ny mpanjakany, ka ho foananao tsy ho re intsony atỳ ambanin' ny lanitra ny anarany; tsy hisy olona hahajanona eo anoloanao, fa haringanao avokoa izy mandra-pahalaniny. **25** Ny sarin-javatra voasokitra, izay andriamaniny, dia hodoranareo amin' ny afo; aza mitsiriritra ny volafotsy na ny volamena izay eo aminy, na maka izany ho anao, fandrao ho voafandriny ianao, fa fahavetavetana eo imason' i Jehovah Andriamanitrao izany. **26** Ary aza mitondra fahavetavetana ho ao an-tranonao, fandrao ho voaozona tahaka izany koa ianao; ho halanao sy ho fahavetavetana eo imasonao indrindra izany, fa zavatra voaozona.

8 Ny lalàna rehetra izay andidiako anao anio dia tandremo harahinareo, mba ho velona ianareo ka hihamaro ary hiditra sady handova ny tany izay nianianan' i Jehovah tamin' ny razanareo homena azy. **2** Ary tsarovy ny lalana rehetra izay nitondran' i Jehovah Andriamanitrao anao tany an-efitra izao efa-polo taona izao, hampanetry tena anao sy hizaha toetra anao ary hahalala izay ao am-ponao, na hitandrina ny didiny ianao, na tsia. **3** Dia nampanetry tena anao Izy ka namela anao ho noana, dia nanome anao ny mana hohaninao, izay tsy fantatrao na ny razanao, hampahafantarany anao fa tsy mofo ihany no iveloman' ny olona; fa izay rehetra aloaky ny vavan' i Jehovah no iveloman' ny olona. **4** Ny fitafianao teny aminao tsy rovitra, ary ny tongotrao tsy nivonto izao efa-polo taona izao. **5** Koa aoka ho fantatrao amin' ny fonao, fa tahaka ny fananaran' ny olona ny zanany no fananaran' i Jehovah Andriamanitrao anao. **6** Ary tandremo ny didin' i Jehovah Andriamanitrao, mba handehananao amin' ny lalany sy hatahoranao Azy. **7** Fa Jehovah Andriamanitrao efa hampiditra anao any amin' ny tany soa, dia tany misy renirano sy loharano ary rano lalina eny amin' ny lohasaha sy ny tendrombohitra, **8** tany misy vary tritika sy vary hordea sy voaloboka sy aviavy ary ampongabendanitra, tany misy hazo oliva sy tantely, **9** tany izay hihinananao hanina amin' ny fanaranam-po, sady tsy hanan-java-mahory akory eo ianao, tany misy vy ny vato ao aminy, ary ao amin' ny tendrombohiny no hihadianao varahina. **10** Ary rehefa nihinana ianao ka voky ary misaotra an' i Jehovah Andriamanitrao noho ny tany soa izay nomeny anao, **11** dia mitandrema, fandrao hadinoinao Jehovah Andriamanitrao, ka tsy tandremanao ny didiny sy ny fitsipiny ary ny lalàny, izay andidiako anao anio; **12** fandrao, rehefa nihinana ianao ka voky ary nanao trano tsara ka mitoetra ao, **13** ary mihamaro ny ombinao sy ny ondry aman' osinao, ary mitombo koa ny volafotsinao sy ny volamenanao, ary mitombo ny fananaanao rehetra, **14** dia hiavonavona ny fonao, ka hohadinoinao Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, tamin' ny trano nahandevozana, **15** Izay nitondra anao tany amin' ny efitra lehibe sady mahatahotra, izay misy menaran' afo sy maingoka, dia ny tany mangentana tsy misy rano, ary nampivoaka rano ho anao avy tamin' ny vatolampy afovato, **16** Izay nanome anao mana hohanina tany an-efitra, dia zavatra tsy fantatry ny razanao, mba hampanetry tena anao sy hizaha toetra anao ary hanisy soa anao any am-parany; **17** ary andrao ianao hanao anakampo hoe: Ny tanjako sy ny herin' ny tanako no nahavoriako izao harena izao; **18** fa tsarovy Jehovah Andriamanitrao, fa Izy no manome anao hery hahavory harena, mba haoriny ny fanekeny, izay nianianany tamin' ny razanao, tahaka ny amin' izao anio izao. **19** Fa raha manadino an' i Jehovah Andriamanitrao mihitsy ianao ka manaraka izay andriamani-kafa sady manompo azy sy miankohoka eo anatrehany, dia milaza aminareo marimarina aho fa haringana tokoa ianareo: **20** tahaka ny andringanana ny firenen-tsamy hafa, izay aringan' i Jehovah eo anoloanareo, no handringanana anareo, satria tsy nihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo.

9 Mihainoa, ry Isiraely ô: ianao izao dia efa hita an' i Jordana hiditra eo amin' ny tany ka handresy firenen-tsamy hafa, izay lehibe sy mahery noho ianao, sy hahafaka tanàna lehibe izay misy manda manakatra ny lanitra, **2** dia firenena lehibe sady olona lava, dia taranaky ny Anakita izay fantatrao, sady efa renao ny lazany hoe: Iza no mahajanona eo anoloan' ny taranak' i Anàka? **3** Koa aoka ho fantatrao anio fa Jehovah Andriamanitrao no efa handeha hita eo alohanao tahaka ny afo mandevona, ka Izy no handringana azy sy hampietry azy eo anoloanao; dia handroaka azy ianao ka handringana azy faingana, araka izay nolazain' i Jehovah taminao. **4** Ary rehefa voaroak' i Jehovah Andriamanitrao eo anoloanao izy, dia aza manao anakampo hoe: Ny fahamarinako no nitondran' i Jehovah ahy niditra handova ity tany ity; fa ny haratsiam-panahin' ireo firenena ireo no androahan' i Jehovah azy eo anoloanao. **5** Tsy ny fahamarinanao, na ny hitsim-ponao, no andehananao handova ny taniny; fa ny haratsiam-panahin' ireo firenena ireo no androahan' i Jehovah Andriamanitrao azy eo anoloanao hahatò ny teny izay nianianan' i Jehovah tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba razanao. **6** Koa aoka ho fantatrao fa tsy ny fahamarinanao no anomezan' i Jehovah Andriamanitrao izany tany soa izany ho lovanao;

fa firenena mafy hatoka ianao. **7** Tsarovy ka aza hadinoinao ny nampahatezeranao an' i Jehovah Andriamanitrao tany an-efitra: eny, hatramin' ny andro nialanao tany amin' ny tany Egypta ka hatramin' ny nahatongavanareo teto amin' ity tany ity dia mbola niodina tamin' i Jehovah ihany ianareo. **8** Na dia tany Horeba aza dia nampahatezitra an' i Jehovah ianareo, dia tezitra taminareo Izy ka saiky nandringana anareo. **9** Raha niakatra tao an-tendrombohitra aho handray ny vato fisaka, dia ny vato fisaka izay nisy ny fanekena nataon' i Jehovah taminareo, ka nitoetra efa-polo andro sy efa-polo alina tao an-tendrombohitra sady tsy nihinan-kanina na nisotro rano, **10** dia nomen' i Jehovah ahy ny vato fisaka roa, voasoratry ny fanondron' Andriamanitra; ary teo aminy no nisy ilay teny rehetra nolazain' i Jehovah taminareo tao an-tendrombohitra tao amin' ny andro nivoriana. **11** Ary nony tapitra ny efa-polo andro sy efa-polo alina, dia nomen' i Jehovah ahy ny vato fisaka roa, dia ilay nisy ny fanekena. **12** Dia hoy Jehovah tamiko: Miaingà, ka midìna faingana hiala etỳ ianao; fa efa nanao ratsy ny olonao izay nentinao nivoaka avy tany Egypta; efa nalaky nivily niala tamin' ny lalana izay efa nasaiko nalehany izy ka nanao sarin-javatra an-idina ho azy. **13** Ary hoy koa Jehovah tamiko: Efa hitako ity firenena ity, fa, indro, olona mafy hatoka izy. **14** Avelao Aho handringana azy, ka hovonoiko ny anarany tsy ho eny ambanin' ny lanitra, ary dia hataoko firenena mahery sy lehibe noho izy ianao. **15** Dia nihodina aho ka nidina niala tamin' ny tendrombohitra, raha mbola nirehitra afo izy; ary ny vato fisaka roa nisy ny fanekena dia teny an-tanako roa. **16** Ary nijery aho, ka, indro, efa nanota tamin' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo ka nanao ombilahy kely an-idina ho anareo; nalaky nivily ianareo niala tamin' ny lalana izay efa nasain' i Jehovah nalehanareo. **17** Dia noraisiko ny vato fisaka roa ka nazerako avy teny an-tanako roa ho vakivaky teo imasonareo. **18** Ary niankohoka teo anatrehan' i Jehovah efa-polo andro sy efa-polo alina tahaka ilay teo ihany aho ka tsy nihinan-kanina, na nisotro rano, noho ny fahotanareo rehetra, izay nataonareo tamin' ny nanaovanareo izay ratsy eo imason' i Jehovah, ka nampahatezeranareo Azy. **19** Fa natahotra ny fahavinirana sy ny fahatezerana aho, izay nahatezeran' i Jehovah taminareo handringanana anareo. Dia nihaino ahy indray Jehovah tamin' izany andro izany. **20** Ary Jehovah dia tezitra indrindra tamin' i Arona ka saiky nandevona azy; dia nifona ho an' i Arona koa aho tamin' izany andro izany. **21** Ary noraisiko ny fahotanareo, dia ilay ombilahy kely izay nataonareo, ka nodorako tamin' ny afo, dia notorotoroiko sy nomontsamontsaniko mandra-pahatongany ho madinika toy ny vovoka; ary ny vovony dia nariako teo amin' ny renirano izay midìna avy amin' ny tendrombohitra. **22** Ary tao Tabera sy Masa ary Kibrota-hatava no nampahatezeranareo an' i Jehovah. **23** Ary raha nampandehanin' i Jehovah niala tao Kadesi-barnea ianareo ka nataony hoe: Miakara, ka lovao ny tany izay nomeko anareo, dia nandà ny tenin' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo, fa tsy nihaino Azy, na nino ny feony. **24** Eny, niodina tamin' i Jehovah ihany ianareo hatramin' ny andro nahalalako anareo no ho mankaty. **25** Ary niankohoka teo anatrehan' i Jehovah aho nandritra izany efa-polo andro sy efa-polo alina izany, satria efa nolazain' i Jehovah fa handringana anareo Izy. **26** Dia nifona tamin' i Jehovah aho ka nanao hoe: Jehovah Tompo ô, aza mandringana ny firenenao sy ny lovanao, izay navotanao tamin' ny fahalehibiazanao ka nentinao nivoaka avy tany Egypta tamin' ny tananao mahery. **27** Tsarovy ny mpanomponao, dia Abrahama sy Isaka ary Jakoba; fa aza mijery ny ditran' ity firenena ity, na ny haratsiam-panahiny, na ny fahotany, **28** fandrao izay monina amin' ny tany nitondranao anay nivoaka avy tany hanao hoe: Satria tsy hain' i Jehovah ny hitondra azy ho any amin' ny tany izay nolazainy taminy, ary satria nankahala azy Izy, dia izany no nitondrany azy nivoaka hahafaty azy atỳ an-efitra. **29** Kanefa ireo dia firenenao sy lovanao, izay nentinao nivoaka tamin' ny herinao lehibe sy ny sandrinao nahinjitra.

10 Tamin' izany andro izany no nilazan' Jehovah tamiko hoe: Manamboara vato fisaka roa ho anao tahaka ilay teo, ka miakara ho etỳ amiko etỳ an-tendrombohitra, ary manaova fiara hazo ho anao; **2** dia hosoratako amin' ny vato fisaka ilay teny teo amin' ny vato fisaka nomontsamontsaninao, ka hataonao ao anatin' ny fiara ireny. **3** Dia nanao fiara tamin' ny hazo akasia aho ka nanamboatra vato fisaka roa tahaka ny teo, dia niakatra tao an-tendrombohitra aho ka nitondra ny vato fisaka roa teny an-tanako. **4** Dia nasiany soratra tahaka ny teo ihany ny vato fisaka, dia ny Didy Folo Izay nolazain' i Jehovah taminareo tao an-tendrombohitra tao amin' ny afo tamin' ny andro nivoriana; dia nomen' i Jehovah ahy ireny. **5** Dia nihodina aho ka nidina niala teo amin' ny tendrombohitra, ary ny vato fisaka napetrako tao anatin' ny fiara izay efa nataoko, dia mbola ao ihany ireny, araka izay nandidian' i Jehovah ahy. **6** Ary ny Zanak' Isiraely nandeha niala tamin' ny fantsakan' i Bene-jakana ka nankany Mosera; tao no nahafatesan' i Arona, ary tao no nandevenana azy; ary Eleazara zanany no tonga mpisorona nandimby azy. **7** Ary nony niala tao izy, dia nankany Godgoda; ary nony niala tao Godgoda izy, dia nankany Jotbata, tany be ony. **8** Tamin' izany andro izany no nanokana an' i Jehovah ny firenen' i Levy hitondra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah sy hijanona eo anatrehan' i Jehovah hanao fanompoam-pivavahana aminy sy hitso-drano amin' ny anarany mandraka androany. **9** Izany no tsy ananan' ny Levita anjara na lova eo amin' ny rahalahiny; Jehovah no lovany, araka izay nolazain' i Jehovah Andriamanitrao taminy. **10** Ary izaho nitoetra efa-polo andro sy efa-polo alina tao an-tendrombohitra tahaka ilay teo ihany; ary Jehovah nihaino ahy tamin' izany andro izany koa ka tsy nety nandringana anao. **11** Dia hoy Jehovah tamiko: Miaingà, mandehana eo alohan' ny olona, hidirany sy handovany ny tany, izay nianianako tamin' ny razany homena azy. **12** Ary ankehitriny, ry Isiraely ô, inona moa no ilain' i Jehovah Andriamanitrao aminao, afa-tsy ny hatahotra an' i Jehovah Andriamanitrao sy ny handeha amin' ny lalany rehetra ary ny ho tia Azy sy hanompo an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, **13** hitandrina ny didin' i Jehovah sy ny

lalàny izay andidiany anao anio, mba hahita soa ianao? **14** Indro, an' i Jehovah Andriamanitrao ny lanitra sy ny lanitry ny lanitra ary ny tany mbamin' izay rehetra eo aminy. **15** Kanefa ny razanao no niraiketan' ny fitiavan' i Jehovah, ka nifidy anareo zanany mandimby azy Izy mihoatra noho ny firenena rehetra, tahaka ny amin' izao anio izao. **16** Koa forao ny fonareo, fa aza mafy hatoka intsony ianareo. **17** Fa Jehovah Andriamanitrareo no Andriamanitra Avo Indrindra sy Tompon' ny tompo, Andriamanitra lehibe sy mahery ary mahatahotra, Izay tsy mizaha tavan' olona, na mandray kolikoly; **18** manome rariny ny kamboty sy ny mpitondratena Izy, sady tia ny vahiny ka manome azy hanina sy fitafiana. **19** Koa tiava vahiny; fa efa mba vahiny tany amin' ny tany Egypta ianareo. **20** Jehovah Andriamanitrao no hatahoranao; Izy no hotompoinao, ary Izy no hifikiranao, ary ny anarany no hianiananao. **21** Izy no fidèranao, ary Izy no Andriamanitrao, Izay efa nanao ireo zavatra lehibe sy mahatahotra ireo taminao, izay efa hitan' ny masonao. **22** Olona fito-polo ny razanao izay nidina tany Egypta; nefa ankehitriny efa nataon' i Jehovah Andriamanitrao maro tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra ianao.

11 Ary tiava an' i Jehovah Andriamanitrao, ka tandremo mandrakariva Izay asainy hotandremana, dia ny lalàny sy ny fitsipiny ary ny didiny. **2** Ary aoka ho fantatrao anio, fa izaho tsy miteny amin' ny zanakareo izay tsy nahalala na nahita ny famaizan' i Jehovah Andriamanitrareo sy ny fahalehibiazany sy ny tànany mahery sy ny sandriny nahinjitra **3** sy ny famantarany sy ny asany, izay nataony tany Egypta tamin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, sy ny taniny rehetra, **4** sy izay nataony tamin' ny miaramilan' ny Egyptiana sy ny soavaliny ary ny kalesiny, dia ny nanasaforany azy tao amin' ny Ranomasina Mena, raha nanenjika anareo Izy, dia voaringan' i Jehovah mandraka androany, **5** ary izay nataony taminareo tany an-efitra, hatramin' ny nahatongavanareo teto amin' ity tany ity, **6** ary izay nataony tamin' i Datana sy Abìrama, zanak' i Eliaba, zanak' i Robena, teo amin' ny Isiraely rehetra, dia izay nisokafan' ny tany sy nitelemany azy mbamin' ny ankohonany sy ny lainy ary ny zava-manan' aina izay nomba azy; **7** fa ny masonareo efa nahita ny asa lehibe rehetra izay nataon' i Jehovah. **8** Koa tandremo ny lalàna rehetra izay andidiako anareo anio, mba hahery ianareo, dia hiditra handova ny tany izay efa halehanareo holovana; **9** ary, mba ho maro andro ianareo amin' ny tany izay nianianan' i Jehovah tamin' ny razanareo homena azy sy ny taranany, dia tany izay tondra-dronono sy tantely. **10** Fa ny tany izay efa hidiranao holovana dia tsy mba tahaka ny tany Egypta, izay nivoahanareo, izay namafazanao ny voan-javatrao sy nandeman' ny tongotrao rano azy tahaka ny fambolen' anana. **11** Fa ny tany izay efa halehanareo holovana dia tany be tendrombohitra sy lohasaha sady mifoka rano avy amin' ny ranonoran-danitra, **12** dia tany izay tandreman' i Jehovah Andriamanitrao; ny mason' i Jehovah Andriamanitrao mitsinjo azy mandrakariva hatramin' ny fiandohan' ny taona ka hatramin' ny fiafarany. **13** Ary raha hihaino tsara ny didiko izay andidiako anareo anio ianareo ka ho tia an' i Jehovah Andriamanitrareo sy hanompo Azy amin' ny fonareo rehetra sy ny fanahinareo rehetra, **14** dia halatsako eo amin' ny taninareo ny ranonorana amin' ny fotoany, dia ny loha-orana sy ny fara-orana, mba hanangonanao ny varinao sy ny ranom-boalobokao ary ny diloilonao; **15** ary hampaniriko ahitra ny sahanao ho an' ny biby fiompinao, ary hihinan-kanina ianao ka ho voky. **16** Kanefa mitandrema ianareo, fandrao ho voafitaka ny fonareo, ka hivily hanompo andriamani-kafa sy hiankohoka eo anatrehany ianareo; **17** ary dia hirehitra aminareo ny fahatezeran' i Jehovah, dia hanampina ny lanitra Izy, ka tsy hisy ranonorana, ary tsy hahavokatra ny tany; dia ho lany ringana faingana ianareo tsy ho eo amin' ny tany soa izay omen' i Jehovah anareo. **18** Koa alatsaho ao amin' ny fonareo sy ao amin' ny fanahinareo izao teniko izao, ary fehezo ho famantarana eo amin' ny tananareo izy, ka aoka ho fehy fampahatsiarovana eo ambonin' ny handrinareo; **19** ary ampianaro ny zanakareo izany, ka resaho, na mipetraka ao an-tranonao ianao, na mandeha an-dalana, na mandry, na mifoha; **20** ary soraty eo amin' ny tolam-baravaran' ny tranonao sy eo amin' ny vavahadinao izy; **21** mba ho maro ny andronareo sy ny andron' ny taranakareo eo amin' ny tany izay nianianan' i Jehovah tamin' ny razanareo homena azy, toy ny faharetan' ny lanitra ambonin' ny tany. **22** Fa raha hitandrina tsara izao lalàna rehetra izao izay andidiako anareo ianareo ka manaraka azy ary ho tia an' i Jehovah Andriamanitrareo sy handeha eo amin' ny lalany rehetra sy hifikitra aminy, **23** dia horoahin' i Jehovah eo anoloanareo ireo firenena rehetra ireo, ary ianareo haharesy firenena maro, izay lehibe sy mahery noho ianareo. **24** Ny tany rehetra izay hodiavin' ny faladian' ny tongotrareo dia ho anareo: hatramin' ny efitra sy Libanona ary hatramin' ny ony Eofrata ka hatramin' ny ranomasina andrefana no ho faritaninareo. **25** Tsy hisy olona hahajanona eo anoloanareo, fa hataon' i Jehovah Andriamanitrareo ho azon' ny tahotra sy horohoro anareo ny tany rehetra izay hodiavinareo, araka izay nolazainy taminareo. **26** Indro, Izaho mametraka fitahiana sy ozona eo anoloanareo anio: **27** fitahiana, raha hohenoinareo ny didin' i Jehovah Andriamanitrareo, izay andidiako anareo anio; **28** ary ozona kosa, raha tsy hohenoinareo ny didin' i Jehovah Andriamanitrareo, fa hivily hiala amin' ny lalana izay andidiako anareo anio mba haleha ianareo ka hanaraka andriamani-kafa izay tsy fantatrareo. **29** Ary rehefa entin' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka tafiditra any amin' ny tany izay alehanao holovana, dia ny fitahiana no hotononinao eo an-tendrombohitra Gerizinia, ary ny fanozonana kosa eo an-tendrombohitra Ebala. **30** Tsy any an-dafin' i Jordana va izy roa, any ankoatry ny lalana andrefana, amin' ny tanin' ny Kananita, izay monina eo amin' ny tani-hay tandrifin' i Gilgaly, eo anilan' ny hazo terebintan' i More? **31** Fa ianareo efa handeha hita an' i Jordana ka hiditra sy handova ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrareo anareo, ary handova azy ianareo ka honina eo; **32** koa tandremo mba harahinareo ny didy rehetra sy ny fitsipika izay ataoko eo anoloanareo anio.

12 Izao no didy sy fitsipika izay hotandremanareo harahina any amin' ny tany izay omen' i Jehovah, Andriamanitry ny razanao, anao holovana amin' ny andro rehetra hiainanareo ambonin' ny tany. **2** Horavanareo mihitsy ny toerana rehetra izay nanompoan' ny firenen-tsamy hafa izay horoahinareo ny andriamaniny teny ambonin' ny tendrombohitra avo sy ny havoana ary teny ambanin' ny hazo maitso rehetra. **3** Dia horavanareo ny alitarany, ary hotorotoroinareo ny tsangam-baton-tsampiny, ary hodoranareo amin' ny afo ny Aserahany, ary ny sarin-javatra voasokitra, izay andriamaniny, dia hokapainareo, ka dia hofoanananareo tsy ho eo amin' izany tany izany intsony ny anarany. **4** Aza manao toy izany amin' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo. **5** Fa ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrareo amin' ny firenenareo rehetra hasiany ny anarany sy honenany no hohatoninareo sy halehanareo. **6** Ary any no hitondranareo ny fanatitra doranareo sy ny fanatitrareo hafa alatsa-drà sy ny fahafolon-karenareo sy ny fanatitra asandratry ny tananareo sy ny fanalam-boadinareo sy ny fanati-tsitraponareo ary ny voalohan-teraky ny ombinareo sy ny ondry aman' osinareo; **7** ary any no hihinananareo sy ny ankohonanareo eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrareo ary hifalianareo amin' izay rehetra harin' ny tananareo, izay efa nitahian' i Jehovah Andriamanitrao anao. **8** Aza manao araka izay rehetra ataontsika eto ankehitriny intsony ianareo, dia izao samy manao izay mahitsy eo imasony avy izao. **9** Fa ianareo tsy mbola tonga any amin' ny fitsaharana sy ny lova izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao. **10** Fa rehefa tafita an' i Jordana ianareo ka monina any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrareo anareo holovana, ary homeny fitsaharan' ady amin' ny fahavalonareo rehetra manodidina ianareo ka mandry fahizay, **11** dia eo amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrareo hampitoerany ny anarany no hitondranareo izay rehetra andidiako anareo, dia ny fanatitra doranareo sy ny fanatitrareo hafa alatsa-drà sy ny fahafolon-karenareo sy ny fanatitra asandratry ny tananareo, ary izay zavatra tsara ataonareo voady amin' i Jehovah. **12** Dia hifaly eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo sy ny zanakareo-lahy sy ny zanakareo-vavy sy ny ankizilahinareo sy ny ankizivavinareo ary ny Levita izay ao an-tanànanareo; fa ny Levita tsy mba manana anjara na lova eo aminareo. **13** Mitandrema mba tsy haterinao eny amin' izay tany rehetra tianao ny fanatitra doranao; **14** fa eo amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah ihany amin' ny firenenao anankiray no hanateranao azy, sady eo koa no hanaovanao izay rehetra andidiako anao. **15** Kanefa mahazo mamono zavatra sy mihinan-kena ianao, araka izay rehetra irinao eny amin' ny tanànanao rehetra, araka ny fitahian' i Jehovah Andriamanitrao izay omeny anao; na ny maloto, na ny madio dia samy mahazo mihinana azy ihany, tahaka ny ahazoany mihinana ny gazela sy ny diera. **16** Kanefa ny ràny no aza hanina, fa aidino amin' ny tany toy ny rano. **17** Tsy azonao hanina ao an-tanànanao, na ny ampahafolon' ny varinao sy ny ranom-boalobokao sy ny diloilonao, na ny voalohan-teraky ny ombinao sy ny ondry aman' osinao, na ny zavatra rehetra hataonao voady, na ny fanati-tsitraponao, na ny fanatitra asandratry ny tananao. **18** Fa eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao no hihinananao azy, dia eo amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao, dia ianao sy ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy sy ny ankizilahinao sy ny ankizivavinao ary ny Levita izay ao an-tanànanao; ary hifaly eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao ianao amin' izay rehetra hanin' ny tananao. **19** Mitandrema mba tsy ho foinao ny Levita amin' ny andro rehetra hiainanao amin' ny taninao. **20** Raha hitarin' i Jehovah Andriamanitrao ny fari-taninao, araka izay nolazainy taminao, ka hoy ianao: Hihinan-kena aho, satria maniry hihinan-kena ny fanahinao, dia mahazo mihinan-kena araka izay rehetra irin' ny fanahinao ianao. **21** Raha lavitra anao loatra ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao hasiany ny anarany, dia hamonoanao ny ombinao sy ny ondry aman' osinao izay nomen' i Jehovah anao, araka izay efa nandidiako anao, ary hohaninao ao an-tanànanao, araka izay rehetra irin' ny fanahinao izany. **22** Kanefa tahaka ny ahazoanao mihinana ny gazela sy ny diera no hahazoanao mihinana ireny: na ny maloto na ny madio dia samy mahazo mihinana azy. **23** Kanefa tandremo tsara mba tsy hohaninao ny rà, fa ny rà no aina, ary tsy mahazo mihinana ny aina amin' ny hena ianao. **24** Aza mihinana azy ianao, fa aidino amin' ny tany toy ny rano izy; **25** eny, aza mihinana azy ianao, mba hahita soa ianao sy ny taranakao mandimby anao, raha manao izay mahitsy eo imason' i Jehovah ianao. **26** Kanefa ny zava-masinao sy ny zavatra nataonao voady dia ento mankany amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah. **27** Ary atero eo amin' ny alitaran' i Jehovah Andriamanitrao ny fanatitra doranao, dia ny henany sy ny ràny; ary ny ran' ny fanatitrao hafa dia aidino eo amin' ny alitaran' i Jehovah Andriamanitrao, fa ny henany dia azonao hohanina ihany. **28** Tandremo, ka henoy izao teny rehetra izao, izay andidiako anao, mba hahita soa ianao sy ny taranakao mandimby anao mandrakizay, raha manao izay tsara sy mahitsy eo imason' i Jehovah Andriamanitrao ianao. **29** Rehefa aringan' i Jehovah Andriamanitrao eo anoloanao ny firenen-tsamy hafa, izay alehanao horesenao, ary handresy azy ianao ka honina eo amin' ny taniny, **30** dia mitandrema, fandrao voafandrika hanaraka ny fanaony ianao, rehefa voaringana eo anoloanao izy; ary andrao mamotopototra ny amin' ny andriamaniny ianao ka manao hoe: Nanao ahoana no nanompoan' ireny firenena ireny ny andriamaniny? fa izaho koa mba hanao toy izany. **31** Aza manao toy izany amin' i Jehovah Andriamanitrao; fa ny fahavetavetana rehetra, izay halan' i Jehovah, no nataony tamin' ny andriamaniny; fa ny zananilahy sy ny zananivavy aza dia nodorany tamin' ny afo ho an' ny andriamaniny. **32** Izay rehetra andidiako anareo dia tandremo mba harahina; aza ampianao izany, ary aza anesoranao.

13 Raha tahìny misy mpaminany na mpanonofy eo aminareo izay milaza famantarana na fahagagana aminao **2** sady manao hoe: Andeha isika hanaraka andriamani-kafa (izay tsy fantatrao), ka aoka hanompo azy isika, na dia tanteraka aza ny famantarana na fahagagana

izay nolazainy taminao, **3** dia aza mihaino ny tenin' izany mpaminany na mpanonofy izany; fa mizaha toetra anareo Jehovah Andriamanitrareo, hahalalany na miorina amin' ny fitiavana an' i Jehovah Andriamanitrareo amin' ny fonareo rehetra sy ny fanahinareo rehetra ianareo. **4** Manaraha an' i Jehovah Andriamanitrareo, ka aoka Izy no hatahoranareo, ary ny didiny no hotandremanareo, ary ny feony no hohenoinareo, ary aoka Izy no hotompoinareo sy hifikiranareo. **5** Fa izany mpaminany na mpanonofy izany dia hatao maty satria efa nanao teny fampiodinana amin' i Jehovah Andriamanitrareo (Izay nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta ka nanavotra anao tamin' ny trano nahandevozana), mba hitaona anao hiala amin' ny lalana izay nasain' i Jehovah Andriamanitrao halehanao. Ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. **6** Raha mitaona anao mangingina ny rahalahinao, zanaky ny reninao, na ny zanakaolahy, na ny zanakao-vavy, na ny vady andefimandrinao na ny sakaizanao izay toy ny ainao, ka manao hoe: Andeha isika hanompo andriamani-kafa (izay tsy fantatrao, na ny razanao), **7** dia ny andriamanitry ny firenena izay manodidina anareo, na ny akaikinao, na ny lavitra anao, hatramin' ny faran' ny tany rehetra, **8** dia aza manaiky azy na mihaino azy ianao; ary aza mba iantran' ny masonao izy, na amindranao fo, na afeninao; **9** fa vonoy ho faty izy; ny tananao no ho voalohany hamono azy, dia vao ny tanan' ny vahoaka rehetra. **10** Ary torahy vato ho faty izy, satria izy efa nitady hitaona anao hiala amin' i Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, tamin' ny trano nahandevozana. **11** Ary ny Isiraely rehetra handre izany, dia hatahotra ka tsy hanao ratsy toy izany intsony eo aminao. **12** Raha mandre teny ianao ny amin' ny tanànanao anankiray izay nomen' i Jehovah Andriamanitrao anao honenana, manao hoe: **13** Nisy olona tena ratsy fanahy nivoaka avy teo aminao ka nitaona ny mponina ao an-tanànany nanao hoe: Andeha isika hanompo andriamani-kafa (izay tsy fantatrareo). **14** dia diniho sy fotory ary adino tsara, ka raha, indro fa nisy marina tokoa izany zavatra izany, ka natao teo aminao izany fahavetavetana izany, **15** dia asio ny lelan-tsabatra mihitsy ny mponina amin' izany tanàna izany, ka levony ny tanàna sy izay rehetra eo aminy, ary ny biby fiompy dia aringano amin' ny lelan-tsabatra. **16** Ary ny entana nobaboina rehetra eo dia angòny eo afovoan' ny kianja, ka doroy amin' ny afo avokoa ny tanàna sy ny entana rehetra ao ho an' i Jehovah Andriamanitrao, ary aoka ho tanàna haolo mandrakizay izany tanàna izany ka tsy haorina intsony. **17** Ary aoka tsy hisy hiraikitra amin' ny tananao akory ny zavatra efa natolotra holevonina, mba hitsaharan' i Jehovah amin' ny fahatezerany mirehitra hamindrany fo aminao sy hiantrany anao, ary hahamaroany anao araka izay nianianany tamin' ny razanao, **18** raha hohenoinao ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ka hotandremanao ny didiny rehetra izay andidiako anao anio, mba hanaovana izay mahitsy eo imason' i Jehovah Andriamanitrao.

14 Zanak' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo, koa aza mitetika ny tenanareo, na manaratra ny eo ambonin' ny handrinareo noho ny amin' ny maty. **2** Fa firenena masìna ho an' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka voafidiny ho rakitra soa ho Azy mihoatra noho ny firenena rehetra ambonin' ny tany. **3** Aza mihinana izay fahavetavetana. **4** Izao no biby izay ho fihinanareo: Ny omby sy ny ondry sy ny osy **5** sy ny diera, ny gazela, ny kapreola, ny osidia, ny pygarga, ny antilopa ary ny ropikapra: **6** izay biby rehetra mivaky kitro, ka misaraka tsara ny kitrony sady mandinika, no ho fihinanareo. **7** Nefa amin' izay mandinika na mivaky kitro dia izao ihany kosa no tsy ho fihinanareo: Ny rameva sy ny rà bitro ary ny hyraka, satria mandinika ihany izy, fa tsy mivaky kitro; maloto aminareo izy; **8** ary ny kisoa koa, satria mivaky kitro izy, fa tsy mandinika, maloto aminareo izy; ny henan ireny tsy ho fihinanareo, ary ny fatiny tsy hokasihinareo. **9** Ary amin' izay rehetra ao anatin' ny rano dia izao no ho fihinanareo: izay rehetra misy vombony sy kirany no ho fihinanareo; **10** fa izay rehetra tsy misy vombony sy kirany kosa dia tsy ho fihinanareo; maloto aminareo izy. **11** Ny vorona madio rehetra no ho fihinanareo. **12** Nefa izao kosa no tsy ho fihinanareo: ny voltora sy ny gypa sy ny ankoay **13** ary ny papango sy ny voromahery sy ny papango mainty, samy araka ny karazany, avy **14** ary ny goaika rehetra, samy araka ny karazany avy, **15** ary ny ostritsa sy ny tararaka sy ny vorondriaka ary ny hitsikitsika, samy araka ny karazany avy, **16** ary ny vorondolo sy ny vorondolo lehibe sy ny ibisa **17** ary ny sama sy ny voltora madinika sy ny manarana **18** ary ny vano sy ny vanobe, samy araka ny karazany avy, ary ny takidara sy ny manavy. **19** Ary ny zava-mandady rehetra izay manana elatra dia haloto aminareo ka tsy ho fihinanareo. **20** Ny zava-manana elatra izay madio no ho fihinanareo. **21** Aza homana izay maty ho azy, fa omeo ho an' ny vahiny izay ao an-tanànanao izany mba hohaniny, na amidio amin' ny olona hafa firenena; fa firenena masìna ho an' i Jehovah Andriamanitrao ianao. Aza mahandro zanak' osy amin' ny rononon-dreniny. **22** Aloavy tsara ny ampahafolon' ny vokatra rehetra avy amin' ny voa nafafinao, dia ny vokatra any an-tsaha isan-taona; **23** dia aoka ho eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao eo amin' ny tany izany hofidiny hampitoerany ny anarany no hihinananao ny ampahafolon' ny varinao sy ny ranom-boalobokao sy ny diloilonao ary ny voalohan-teraky ny ombinao sy ny ondry aman' osinao, mba hianaranao hatahotra an' i Jehovah Andriamanitrao mandrakariva. **24** Fa raha lavitra loatra ny lalana halehanao ka tsy mahatondra izany zavatra izany ianao, satria lavitra anao loatra ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao hampitoerany ny anarany, raha notahin' i Jehovah Andriamanitrao ianao, **25** dia hamidinao vola izany, ary hofonosinao ny vola ka ho entinao eo antananao hankany amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao; **26** ary ny vola dia amidio izay rehetra tian' ny fanahinao, na omby, na ondry, na osy, na divay, na toaka, na izay zavatra hafa tian' ny fanahinao; ary aoka ho eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao no hihinananao izany sy hifalianao mbamin' ny ankohonanao; **27** ary ny Levita izay ao an-tanànanao dia aza foinao; fa tsy manana anjara na lova eo aminao izy. **28** Ary isan-telo taona dia

alao ny ampahafolon' ny vokatrao rehetra amin' izany taona izany, ka ataovy ao an-tanànanao; **29** ary dia aoka ho avy ny Levita (satria tsy mba manana anjara na lova eo aminao izy) sy ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izay ao an-tanànanao, dia hihinana izy ka ho voky, mba hotahin' i Jehovah Andriamanitrao ianao amin' ny asan-tananao rehetra izay ataonao.

15 Ary isam-pito taona dia manaova fanafahana ianao. **2** Ary izao no ho fomban' ny fanafahana: Ny tompon-trosa rehetra izay nampanàna vola tamin' ny namany dia hamoy izany; tsy hanery ny namany izay rahalahiny handoa izy, satria efa voantso ny fanafahan' i Jehovah. **3** Ny olona hafa firenena ihany no azonao terena handoa; fa izay anao amin' ny rahalahinao kosa dia hafoinao; **4** kanefa tsy dia hisy olo-malahelo eo aminao, fa hitahy anao tokoa Jehovah eo amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao ho lovanao, **5** raha mihaino tsara ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka mitandrina hanaraka izao lalàna rehetra izao, izay andidiako anao anio. **6** Fa Jehovah Andriamanitrao hitahy anao araka izay nolazainy taminao; ary hampisambotra ny firenena maro ianao, fa ianao kosa tsy hisambotra; ary hanapaka firenena maro ianao, fa izy kosa tsy mba hanapaka anao. **7** Raha misy malahelo ny rahalahinao ao an-tanànanao anankiray amin' ny taninao izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao, dia aza manamafy ny fonao, na manakombona ny tananao, amin' ny rahalahinao malahelo; **8** fa sokafy tsara aminy ny tananao, ka ampisambory izay ilainy, araka izay mahory azy. **9** Mitandrema fandrao hisy hevi-dratsy ao am-ponao manao hoe: Antomotra ny taona fahafito, dia ny taom-panafahana; ary ho ratsy fijery ny rahalahinao malahelo ianao, ka tsy hanome azy akory ianao; ary hitaraina amin' i Jehovah hiampanga anao Izy, ka dia ho fahotanao izany. **10** Omeo tokoa izy, ary aoka tsy halahelo ny fonao raha manome azy, satria izany zavatra izany no hitahian' i Jehovah Andriamanitrao anao amin' ny asanao rehetra sy amin' izay rehetra ataon' ny tananao. **11** Fa ny tany tsy ilaozan' olo-malahelo, koa izany no andidiako anao hoe: Sokafy tsara amin' ny rahalahinao ny tananao, dia amin' ny malahelo sy ny mahantra eo amin' ny taninao. **12** Raha hamidy aminao ny namanao, na lehilahy Hebreo, na vehivavy Hebreo, ka efa nanompo anao enin-taona, dia hovotsoranao ho afaka izy amin' ny taona fahafito. **13** Ary raha hovotsoranao ho afaka izy, dia tsy havelanao handeha fotsiny; **14** fa hisy hampitondrainao azy avy amin' ny ondry aman' osinao ary avy amin' ny famoloanao sy ny famiazanao: araka izay efa nitahian' i Jehovah Andriamanitrao anao no hanomezanao azy. **15** Ary tsarovy fa andevo tany amin' ny tany Egypta ianao, nefa Jehovah Andriamanitrao efa nanavotra anao, koa izany no andidiako anao izao zavatra izao anio. **16** Kanefa raha hoy izy aminao: Tsy hiala aminao aho, satria tsy foiny ianao sy ny ankohonanao, ka finaritra aminao izy, **17** dia halainao ny haolo ka hotevehinao amin' ny varavarana ny sofiny, dia ho mpanomponao mandrakizay izy. Ary toy izany koa no hataonao amin' ny ankizivavinao. **18** Aza ataonao ho sarotra ny hamotsotra azy ho afaka, fa indroa toraka ny karaman' ny mpikarama no azonao tamin' ny nanompoany anao enin-taona; dia hitahy anao Jehovah Andriamanitrao amin' izay rehetra ataonao. **19** Ny lahy rehetra amin' ny voalohan-teraky ny ombinao sy ny ondry aman' osinao dia hohamasininao ho an' i Jehovah Andriamanitrao; aza mampiasa ny voalohan-teraky ny ombinao, na manety ny voalohan-teraky ny ondry aman' osinao. **20** Eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao no hihinananao sy ny ankohonanao azy isan-taona isan-taona eo amin' ny fitoerana izay hofidin' i Jehovah. **21** Fa raha misy kilemany izy: na mandringa, na jamba, na izay kilema ratsy hafa akory, dia aza vonoinao hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitrao ireny. **22** Ao an-tanànanao ihany no hihinananao ireny; na ny olona maloto na ny madio dia samy mahazo mihinana azy, tahaka ny ahazoany mihinana ny gazela sy ny diera. **23** Kanefa ny ràny no aza hanina, fa aidino amin' ny tany toy ny rano.

16 Tandremo ny volana Abiba, ka ataovy ny Paskan' i Jehovah Andriamanitrao fa tamin' ny volana Abiba no nitondran' i Jehovah Andriamanitrao anao nivoaka avy tany Egypta tamin' ny alina. **2** Ary vonoy ny Paskan' i Jehovah Andriamanitrao, dia ondry aman' osy sy omby, eo amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah hampitoerany ny anarany. **3** Aza ny mofo misy masirasira no haninao aminy; hafitoana no hihinananao mofo tsy misy masirasira, dia mofom-pahoriana, fa tampoka no nivoahanao avy tany amin' ny tany Egypta, mba hotsarovanao amin' ny andro rehetra hiainanao ny andro izay nivoahanao avy tany amin' ny tany Egypta. **4** Ary aoka tsy hisy masirasira eo aminao ao anatin' ny fari-taninao rehetra hafitoana; ary aoka tsy hisy hitoetra miloaka alina ny henan' ny fanatitra izay novonoinao tamin' ny harivan' ny andro voalohany. **5** Tsy hisy azonao hamonoana ny Paska ny tanànanao rehetra izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao; **6** fa eo amin' ny fitoerana izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao hampitoerany ny anarany no hamonoanao azy rehefa hariva tokony ho maty masoandro, dia tahaka izay nivoahanao avy tany Egypta. **7** Ary atsatsiho amin' ny afo izy, ka hano eo amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao; ary miverena nony maraina, ka modia any amin' ny lainao. **8** Henemana no hihinananao mofo tsy misy masirasira; fa ny andro fahafito dia fara-fivoriana ho an' i Jehovah Andriamanitrao, ka tsy hanao raharaha ianao amin' izany. **9** Herinandro fito no hisainao ho anao: hatramin' ny andro iandohan' ny fijinjam-bary no hanisanao azy. **10** Ary mitandrema andro firavoravoana manarakaraka ireo herinandro ho an' i Jehovah Andriamanitrao, ka manatera fanati-tsitrapo, izay homenao araka izay itahian' i Jehovah Andriamanitrao anao; **11** ary mifalia eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao ianao sy ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy ary ny ankizilahinao sy ny ankizivavinao ary ny Levita izay ao an-tanànanao mbamin' ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izay eo aminao, dia eo amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao hampitoerany ny anarany. **12** Ary tsarovy fa andevo tany Egypta ianao; koa tandremo sy araho ireo didy ireo. **13** Tandremo hafitoana ny andro

firavoravoana fitoerana amin' ny trano rantsan-kazo, rehefa nangoninao ny avy amin' ny famoloanao sy ny famiazanao. **14** Ary mifalia amin' ny andro firavoravoanao ianao sy ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy sy ny ankizilahinao sy ny ankizivavinao ary ny Levita mbamin' ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izay ao an-tanànanao. **15** Hafitoana no itandremanao andro firavoravoana ho an' i Jehovah Andriamanitrao eo amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah, satria hitahy anao Jehovah Andriamanitrao amin' ny vokatrao rehetra sy ny asan-tananao rehetra, ka dia hifaly tokoa ianao. **16** Intelo isan-kerintaona ny lehilahy rehetra aminao no hiseho eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao, eo amin' ny tany izay hofidiny, dia amin' ny andro firavoravoana fihinanana mofo tsy misy masirasira sy ny andro firavoravoana manarakaraka ireo herinandro ary ny andro firavoravoana fitoerana amin' ny trano rantsan-kazo. Ary aoka tsy hisy hiseho foana tsy mitondra fanatitra eo anatrehan' i Jehovah; **17** fa aoka samy hanatitra izay zakany avy, araka ny fitahian' i Jehovah Andriamanitrao, izay omeny anao. **18** Mifidiana mpitsara sy mpifehy ho anao ao an-tanànanao rehetra, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao, araka ny firenenao; dia hitsara ny olona amin' ny fitsarana marina ireo. **19** Aza manao fitsarana miangatra, aza mizaha tavan' olona, ary aza mandray kolikoly; fa ny kolikoly mahajamba ny mason' ny hendry ary mamadika ny tenin' ny marina. **20** Ny marina dia marina no harahinao, mba ho velona ianao ka handova ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao. **21** Aza manangana hazo ho Aseraha ho anao eo anilan' ny alitaran' i Jehovah Andriamanitrao, izay ataonao ho anao. **22** Ary aza manao tsangam-baton-tsampy ho anao; fa halan' i Jehovah Andriamanitrao izany.

17 Aza vonoina hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitrao izay misy kilema maharatsy azy, na omby na ondry na, fa fahavetavetana eo imason' i Jehovah Andriamanitrao ny manao izany. **2** Raha misy hita ao aminao ao an-tanànanao, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao, na lehilahy na vehivavy manao izay ratsy eo imason' i Jehovah Andriamanitrao ka mivadika ny fanekeny **3** ka lasa mandeha manompo andriamani-kafa ary mivavaka aminy na amin' ny masoandro, na amin' ny volana, na amin' ny kintana, izay zavatra efa nandrarako azy, **4** ka voalaza aminao izany, ary efa renao, dia diniho tsara, ka indro, raha nisy marina tokoa izany zavatra izany, ka natao teo amin' ny Isiraely izany fahavetavetana izany: **5** dia avoahy ho eo am-bavahadinao izay lehilahy na vehivavy efa nanao izany zava-dratsy izany, ka torahy vato ho faty. **6** Amin' ny tenin' ny vavolombelona roa na telo no hamonoana izay tokony ho faty; fa ny tenin' ny vavolombelona iray monja dia tsy hahafaty azy. **7** Ny tanan' ny vavolombelona no ho voalohany hamono azy, dia vao ny tanan' ny vahoaka rehetra; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. **8** Raha misy teny sarotra loatra amin' ny fitsarana ka tsy efanao, na ny amin' ny mahafaty aina, na ny ady na ny vonoana, izay iadiana ao an-tanànanao, dia miaingà ianao, ka miakara any amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao. **9** ary mankanesa amin' ireo Levita mpisorona sy amin' ny anankiray izay mpitsara amin' izany andro izany, ka manontania, dia hambarany aminao ny teny fitsarana. **10** Ary araho ny teny izay hambarany aminao eo amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah, ka mitandrema hanao araka izay rehetra hatorony anao. **11** Araka ny lalàna izay hatorony anao sy araka ny fitsarana izay holazainy aminao no hataonao; aza mivily miala amin' ny teny izay hambarany aminao, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia. **12** Fa ny olona izay miavonavona ka tsy mihaino ny mpisorona izay mitsangana hanao fanompoam-pivavahana eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao, na ny mpitsara, dia aoka ho faty izany olona izany; ka dia hofongoranao tsy ho eo amin' ny Isiraely ny fanao ratsy. **13** Ary ny vahoaka rehetra handre, dia hatahotra ka tsy hiavonavona intsony. **14** Rehefa tonga any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao ianao ka mandova azy sy monina eo ary manao hoe: Hanangana mpanjaka ho ahy aho, mba ho tahaka ny firenena rehetra izay manodidina ahy, **15** dia izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao ihany no hatsanganao ho mpanjakanao: anankiray amin' ny rahalahinao no hatsanganao ho mpanjakanao, fa tsy mahazo mifidy olona hafa firenena izay tsy avy amin' ny rahalahinao ianao. **16** Kanefa aoka tsy hanana soavaly maro izy, na hampiverina ny olona ho any Egypta mba hahazoany soavaly maro, satria hoy Jehovah taminareo: Aza miverina amin' izany lalana izany intsony. **17** Ary aoka tsy hamporafy maro izy, fandrao hivily ny fony; ary aoka tsy hamory volafotsy na volamena be ho azy izy. **18** Ary rehefa mipetraka eo ambonin' ny sezam-panjakany izy, dia aoka hadikany ho azy amin' ny boky izao lalàna izao ka hataony araka ilay tehirizin' ireo Levita mpisorona. **19** Ary ho ao aminy izany ka hovakiny amin' ny andro rehetra hiainany, mba hianarany hatahotra an' i Jehovah Andriamaniny ka hitandrina ny teny rehetra amin' izao lalàna izao sy ireto didy ireto hankatoavany azy, **20** mba tsy hiavonavonan' ny fony amin' ny rahalahiny, ary mba tsy hiviliany hiala amin' ny lalàna, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia, mba ho maro andro amin' ny fanjakany eo amin' ny Isiraely; izy sy ny taranany.

18 Ny Levita mpisorona, dia ny firenen' i Levy rehetra, tsy mba hanana anjara na lova eo amin' ny Isiraely; ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah sy ny anjaran' i Jehovah no ho fihinany. **2** Fa tsy hanan-dova eo amin' ny rahalahiny izy; Jehovah no lovany, araka izay nolazainy taminy. **3** Ary izao no ho anjaran' ny mpisorona avy amin' ny olona, dia avy amin' izay mamono zavatra hatao fanatitra, na omby, na ondry, na osy: dia homeny ho an' ny mpisorona ny sorony sy ny takolany roa ary ny vavoniny; **4** ary ny voaloham-bokatry ny varinao koa sy ny ranom-boalobokao sy ny diloilonao ary ny voalohan' ny volon' ondrinao no homenao azy. **5** Fa izy sy ny taranany no nofidin' i Jehovah Andriamanitrao tamin' ny firenenao rehetra hitsangana hanao fanompoam-pivavahana mandrakizay amin' ny anaran' i Jehovah. **6** Ary raha misy Levita miala amin' ny

tanànanao anankiray, izay nivahiniany, amin' ny Isiraely rehetra, ka mandeha araka ny fanirian' ny fony ho any amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah, **7** ka manao fanompoam-pivavahana amin' ny anaran' i Jehovah Andriamaniny, tahaka ny Levita rahalahiny rehetra, izay mitsangana eo anatrehan' i Jehovah, **8** dia anjara mitovy amin' ny an' ireo ihany no ho fihinany, na dia misy aza izay vidin' ny azony tamin-drainy. **9** REHEFA tonga any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao ianao, dia aza mianatra hanao araka ny fahavetavetana ataon' ireo firenena ireo. **10** Aoka tsy hisy eo aminao izay mampandeha ny zananilahy na ny zananivavy hamaky ny afo, na mpanao fankatovana, na mpanandro, na mpanao sikidy, na mpanana ody, **11** na manao ho masim-bava, na mpanadina anao' ny manao azy ho tsindrian-javatra, na mpanao hatsarana, na mpanontany amin' ny maty. **12** Fa fahavetavetana eo imason' i Jehovah izay rehetra manao izany zavatra izany, ary izany fahavetavetana izany no androahan' i Jehovah Andriamanitrao azy eo anoloanao. **13** Aoka ho tanteraka amin' i Jehovah Andriamanitrao ianao. **14** Fa ireo firenena izay efa horoahinao ireo dia mihaino ny mpanandro sy ny mpanao fankatovana; fa ianao kosa tsy navelan' i Jehovah Andriamanitrao hanao izany. **15** Mpaminany avy eo aminao, dia avy amin' ny rahalahinao, tahaka ahy, no hatsangan' i Jehovah Andriamanitrao ho anao; izy no hohenoinareo; **16** araka izay rehetra nangatahinao tamin' i Jehovah Andriamanitrao tao Horeba tamin' ny andro nivoriana hoe: Aoka tsy hihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitro intsony aho, ary aoka tsy hahita izany afo lehibe izany intsony aho, fandrao maty. **17** Dia hoy Jehovah tamiko: Tsara ny teny izay nolazainy. **18** Mpaminany no hatsangako ho azy avy amin' ny rahalahiny, tahaka anao, ka hataoko ao am-bavany ny teniko, ary holazainy aminy izay rehetra handidiako azy. **19** Ary izay rehetra tsy mihaino ny teniko, izay holazainy amin' ny anarako, dia Izaho no hitsara azy. **20** Fa ny mpaminany izay sahy hilaza teny amin' ny anarako, nefa tsy nasaiko nolazainy, na izay miteny amin' ny anaran' andriamani-kafa, dia hatao maty. **21** Ary raha hoy ianao anakampo: Hataontsika ahoana no fahafantatra ny teny izay tsy nolazain' i Jehovah? **22** Raha miteny amin' ny anaran' i Jehovah ny mpaminany, ka tsy efa ny zavatra, na tsy tanteraka, dia teny izay tsy nolazain' i Jehovah izany: tamin' ny fahasahisahiana no nilazan' ny mpaminany izany, koa aza matahotra azy.

19 Rehefa aringan' i Jehovah Andriamanitrao ny firenen-tsamy hafa, izay tompon' ny tany omen' i Jehovah Andriamanitrao anao, ary mandresy azy ianao ka monina ao an-tanànany sy ao an-tranony, **2** dia manokàna tanàna telo ho anao eo afovoan' ny taninao, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao holovana. **3** Amboary ny lalana, ka zarao ho telo toko ny taninao, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao holovanao, mba handosiran' ny mahafaty olona rehetra ao. **4** Ary ny mahafaty olona izay hovelomina, raha mandositra ao, dia ny mahafaty ny namany tsy nahy ka tsy nankahala azy teo aloha **5** toy ny olona izay miaraka amin' ny namany ho any an' ala hikapa hazo, koa manainga ny famaky hikapa ny hazo ny tànany, dia mitsoaka amin' ny zarany ny lela-famaky, ary mahavoa ny namany ka mahafaty azy, dia aoka handositra ao amin' ny anankiray amin' ireo tanàna ireo izy ka hovelomina; **6** fandrao hanenjika ny nahafaty olona ny mpamaly rà, raha mbola mirehitra ny fony, ka hahatratra azy, noho ny halavitry ny alehany, dia hahafaty azy izy; nefa tsy tokony ho faty izy, satria tsy nankahala ny namany teo aloha. **7** Koa izany no andidiako anao hoe: Manokàna tanàna telo ho anao. **8** Ary raha hitarin' i Jehovah Andriamanitrao ny fari-taninao, araka izay nianianany tamin' ny razanao, ka homeny anao ny tany rehetra izay nolazainy homena ny razanao **9** (raha hitandrina ianao ka hanaraka izao lalàna rehetra izao, izay andidiako anao anio, ka ho tia an' i Jehovah Andriamanitrao, ary handeha mandrakariva amin' ny lalany), dia hampianao tanàna telo koa ireny telo ireny; **10** mba tsy hisy rà marina alatsaka eo amin' ny taninao, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao ho lovanao, ka tsy ho meloka amin' ny rà ianao. **11** Fa raha misy olona mankahala ny namany ka manotrika azy, ary mitsangana ka mamely mahafaty azy, ary mandositra ho ao amin' ny anankiray amin' ireo tanàna ireo, **12** ny loholona amin' ny tanànany dia haniraka haka azy ao, dia hanolotra azy eo an-tànan' ny mpamaly rà, mba hovonoiny ho faty izy. **13** Tsy hiantra azy ny masonao; fa hesorinao tsy ho eo amin' ny Isiraely ny heloka ny amin' ny rà marina, mba hahita soa ianao. **14** Aza mamindra ny fari-tanin' ny namanao, izay efa vitan' ny razana teo amin' ny zara-taninao, izay azonao eo amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao holovanao. **15** Raha vavolombelona iray monja, dia aoka tsy hitsangana hiampanga olona ny amin' izay heloka na ota nataony na inona na inona; fa amin' ny tenin' ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny. **16** Raha misy vavolombelona mampidi-doza mitsangana hiampanga olona ho nanao ratsy, **17** dia hitsangana eo anatrehan' i Jehovah izy roa lahy izay miady, dia eo anatrehan' ny mpisorona sy ny mpitsara amin' izany andro izany; **18** ary raha hadinin' ny mpitsara mafy izy ka hitany fa vavolombelona mandainga, fa miampanga lainga ny namany, **19** dia araka izay nokasainy hatao amin' ny namany no hataonareo aminy; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. **20** Ary ny olona sisa dia handre izany ka hatahotra ary tsy hanao araka izany ratsy izany eo aminao intsony. **21** Dia tsy hiantra azy ny masonao; fa aina no hataonao solon' ny aina, maso solon' ny maso, nify solon' ny nify, tanana solon' ny tanana, tongotra solon' ny tongotra.

20 Raha mivoaka hanafika ny fahavalonao ianao ka mahita soavaly sy kalesy ary olona maro noho ianao, dia aza matahotra azy; fa Jehovah Andriamanitrao kosa, Izay nitondra anao niakatra avy tany amin' ny tany Egypta, no momba anao. **2** Ary rehefa hanafika ianareo, dia hanatona ny mpisorona ka hiteny amin' ny olona hoe: **3** Mihainoa, ry Isiraely ô, fa efa hanafika ny fahavalonareo ianareo anio; koa aza ketraka ny fonareo ary aza matahotra, na mikorapaka foana, na mangorohoro noho ny tahotra

azy; **4** fa Jehovah Andriamanitrareo no miara-mandeha aminareo hiady ho anareo amin' ny fahavalonareo mba hamonjy anareo. **5** Dia hiteny amin' ny olona ireo mpifehy azy ka hanao hoe: Iza no olona izay efa nanao trano vaovao, nefa tsy mbola nitokanany? Aoka handeha hiverina any an-tranony izy, fandrao maty any amin' ny ady, ka olon-kafa no hitokana ny tranony. **6** Ary iza no olona izay efa nanao tanim-boaloboka, nefa tsy mbola nihinana ny vokatra? Aoka handeha hiverina any an-tranony izy, fandrao maty any amin' ny ady, ka olon-kafa no hihinana ny vokatra. **7** Ary iza no olona izay efa nifofo vady, nefa tsy mbola nampakatra azy? Aoka handeha hiverina any an-tranony izy, fandrao maty any amin' ny ady, ka olon-kafa no hampakatra ny vadiny. **8** Ary mbola hiteny amin' ny olona ihany ny mpifehy azy ka hanao hoe: Iza no olona izay matahotra ka osa fo? Aoka handeha hiverina any an-tranony izy, fandrao ho ketraka tahaka ny fony koa ny fon' ny rahalahiny. **9** Ary rehefa vitan' ny mpifehy vahoaka ny teny ataony amin' ny olona, dia hasiany mpifehy ny miaramila hitarika azy. **10** Raha mby akaikin' izay tanàna hiadiana ianao, dia milazà fihavanana aminy. **11** Ary raha fihavanana no avaliny anao, ka mampandroso anao izy, dia hampanaovinao fanompoana ny olona rehetra ao, ka hanompo anao izy. **12** Fa raha tsy mety manao fihavanana aminao kosa izy, fa te-hiady aminao, dia ataovy fahirano izy. **13** Ary rehefa atolotr' i Jehovah Andriamanitrao eo an-tananao izy, dia hovonoinao amin' ny lelan-tsabatra ny lehilahy rehetra ao. **14** Fa ny babo rehetra ao, dia ny zaza amim-behivavy sy ny biby fiompy ary izay rehetra ao an-tanàna, dia ho entinao ho anao; ary hohaninao ny babo azo tamin' ny fahavalonao, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao. **15** Toy izany no hataonao amin' ny tanàna rehetra izay lavitra anao indrindra ka tsy tanànan' ireto firenena ireto. **16** Fa ny tanànan' ireto firenena ireto kosa, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao ho lovanao, dia aza asiana miangana izay olona rehetra ao. **17** Fa aringano tokoa ireo, dia ny Hetita sy ny Amorita sy ny Kananita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita, araka izay nandidian' i Jehovah Andriamanitrao anao, **18** mba tsy hampianarany anareo hanao araka ny fahavetavetany rehetra izay nataony tamin' ireo andriamaniny, ka tsy hanotanareo amin' i Jehovah Andriamanitrareo. **19** Raha hataonao fahirano ela ny tanàna izay tafihinao halaina, dia aza simbana kapaina amin' ny famaky ny hazo eo; fa hisy hohaninao amin' ireo, koa aza kapaina, fa olona va ny hazo any an-tsaha, no hataonao fahirano? **20** Kanefa ny hazo izay fantatrao fa tsy fihinamboa dia kapao ihany, ka ataovy manda hamelezana ny tanàna izay miady aminao mandra-paharesiny.

21 Raha tahìny misy maty novonoin' olona hita miampatra any an-tsaha amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao holovana, ary tsy fantatra izay nahafaty azy, **2** dia hivoaka ny loholonao sy ny mpitsaranao ka horefesiny hatreo amin' ny faty ka hatramin' izay tanàna manodidina azy. **3** Ary ny loholona amin' ny tanàna izay akaikin' ny faty indrindra dia haka ombivavy kely izay tsy mbola nampiasaina na nasiana zioga hitarihany. **4** Ary ilay ombivavy kely dia ho entin' ny loholona amin' izany tanàna izany midìna any amin' izay lohasaha tsy voasa na voafafy sady misy renirano tsy mety ritra, dia hofolahiny any an-dohasaha ny vozony. **5** Ary ireo mpisorona, taranak' i Levy, dia hanatona, fa izy no nofidin' i Jehovah Andriamanitrao hanao fanompoam-pivavahana aminy sy hitso-drano amin' ny anaran' i Jehovah; koa araka ny teniny no hanefana ny ady rehetra sy ny vonoana rehetra; **6** ary ny loholona rehetra amin' izany tanàna akaikin' ny faty izany dia hanasa ny tànany eo ambonin' ilay ombivavy kely izay efa voafolaka tany an-dohasaha ny vozony; **7** dia hiloa-bava ireo ka hanao hoe: Tsy ny tananay no nandatsaka ity rà ity, sady tsy nahita izany ny masonay. **8** Jehovah ô, mamelà ny heloky ny Isiraely olonao izay navotanao ka aza atao ho heloky ny Isiraely olonao ny rà marina! Dia ho afa-keloka ny amin' izany rà izany izy. **9** Ka dia hesorinao ho afaka aminao ny rà marina, raha hanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah ianao. **10** Raha mivoaka hanafika ny fahavalonao ianao, ary atolotr' i Jehovah Andriamanitrao eo an-tananao izy ka voababonao, **11** ary misy vehivavy tsara tarehy hitanao eo amin' ny babo ka tianao hovadina, **12** dia ento ho ao an-tranonao izy, ka asaovy haratany ny lohany sy alàny ny hohony, **13** ary asaovy esoriny koa ny fitafiany tamin' ny nahababo azy, dia aoka hitoetra ao an-tranonao andro iray volana izy hitomany ny ray aman-dreniny; ary rehefa afaka izany, dia vao mahazo mandry aminy ianao ka ho tompom-bady azy, ary ho vadinao izy. **14** Fa raha tsy tianao intsony ravehivavy, dia alefaso handeha araka izay sitrapony izy: fa aza mivarotra azy hatao vola amin-karena na manandevo azy, satria efa nampietry azy ianao. **15** Raha misy lehilahy mamporafy, ka ny anankiray tiany, fa ny anankiray kosa tsy tiany, ary samy miteraka zaza aminy izy roa vavy, na ny tiany na ny tsy tiany, ary zanak' ilay tsy tiany no lahimatoa: **16** amin' ny andro handidiany fananana ho an' ny zananilahy dia tsy azo hatao lahimatoa ny zanaky ny tiany, raha mbola eo ihany ny zanaky ny tsy tiany, izay tena lahimatoany; **17** fa ny lahimatoa, zanak' ilay tsy tiany ihany, no hekeny ka homeny anjaran-droa amin' izay rehetra ananany; fa voalohan' ainy izy, ka azy ny fizokiana. **18** Raha misy olona manana zanakalahy maditra sy manohitra ka tsy mety mihaino ny feon' ny rainy, na ny feon' ny reniny, ka tsy zakany anarina, **19** dia hosamborin' ny rainy sy ny reniny izy ka ho entiny amin' ny loholona amin' ny tanànany, eo amin' ny vavahadin' ny tanàna onenany, **20** dia hiteny amin' ny loholona amin' ny tanànany izy mivady hoe: Ity zanakay ity dia maditra sy manohitra ka tsy mihaino ny feonay, fa mpandany sy fileony. **21** Dia hitora-bato azy ho faty ny mponina rehetra ao an-tanànany; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy; ary ny Isiraely rehetra dia handre izany ka hatahotra. **22** Ary raha misy olona manao fahotana izay tokony hahafaty azy ka atao maty ary ahantona amin' ny hazo. **23** dia tsy havela hiloaka alina eo amin' ny hazo ny fatiny, fa tsy maintsy halevinao androtr' iny ihany izy (fa voaozon' Andriamanitra ny mihantona amin' ny hazo); koa aza lotoina ny taninao, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao ho lovanao.

22 Raha hitanao mania ny omby na ny ondrin' ny rahalahinao, dia aza atao tsy ho raharahanao izany, fa avereno any amin' ny rahalahinao mihitsy izany. **2** Ary raha tsy akaiky anao, na tsy fantatrao, ny rahalahinao, dia ento mody any aminao ilay nania, ary aoka hitoetra aminao mandra-pitadin' ny rahalahinao azy, dia haverinao any aminy. **3** Ary toy izany koa no hataonao amin' ny borikiny, na ny fitafiany, na ny zavatry ny rahalahinao, na inona na inona izay very ka hitanao; fa aza atao tsy ho raharahanao izany. **4** Ary raha hitanao ny borikin' ny rahalahinao, na ny ombiny, potraka any an-dalana, dia aza atao tsy ho raharahanao izany; fa manampia ny rahalahinao hanarina azy. **5** Aoka ny vehivavy tsy hitafy ny fitafian-dehilahy; ary aoka ny lehilahy tsy hitafy ny fitafiam-behivavy; fa fahavetavetana eo imason' i Jehovah Andriamanitrao izay rehetra manao izany. **6** Raha sendra mahita akanim-borona eo anoloanao eny an-dalana ianao, na amin' ny efa foy, na mbola atodiny, ary ny reniny manomba ny efa foy, na mikotrika ny atodiny, dia aza maka ny reniny mbamin' ny zanany. **7** Alefaso mihitsy ny reniny, fa ny zanany ihany no alao ho anao, mba hahita soa ianao ka ho maro andro. **8** Raha manao trano vaovao ianao, dia asio arofanina ny tampony, fandrao hisy olona hianjera eny, ka hahatonga heloka ny amin' ny rà ho ao an-tranonao ianao. **9** Aza fafazana voan-javatra roa karazana mifangaroharo ny taninao, fandrao samy ho lasa ho sazy ny vokatry ny voan-javatra nafafinao sy ny vokatry ny tanim-boalobokao. **10** Aza mampikambana omby sy boriky hiasa tany. **11** Aza mitafy lamba volon' ondry sy rongony mifamahofaho. **12** Asio somotraviaviny ny zorony efatra amin' ny lambanao izay itafianao. **13** Raha misy lehilahy mampaka-bady ary mandry aminy, ka tsy tiany indray ravehivavy, **14** dia haratsiny sy alàny baraka ka ataony hoe: Efa nampakatra ity vehivavy ity aho, nefa raha nandry taminy, dia tsy hitako ny famantarana azy ho virijina: **15** dia halain' ny ray aman-drenin-drazazavavy ny famantarana azy ho virijina ka ho entiny ho eo amin' ny loholona amin' ny tanàna eo am-bavahady. **16** Dia hiteny amin' ny loholona ny rain-drazazavavy hoe: Ny zanako-vavy nomeko ho vadin' io lehilahy io, kanefa tsy tiany indray izy; **17** ary indro fa efa noharatsiny izy ka nataony hoe: Tsy hitako ny famantarana ny zanakao-vavy ho virijina; kanefa indreto ny famantarana ny zanakao-vavy ho virijina. Dia hamelatra ny lamba eo anatrehan' ny loholona amin' ny tanàna izy mivady. **18** Ary halain' ny loholona amin' ny tanàna izany lehilahy izany ka hofaizany. **19** Dia hosaziny sekely volafotsy zato koa izy, ka homeny ny rain-drazazavavy izany, satria nahafa-baraka ny virijina anankiray tamin' ny Isiraely ralehilahy; nefa dia ho vadiny ihany razazavavy ka tsy azony hisaorana amin' ny andro rehetra hiainany. **20** Fa raha marina kosa izany lazainy izany, ka tsy hita ny famantarana an-drazazavavy ho virijina, **21** dia ho entiny mivoaka ho eo anoloan' ny varavaran' ny tranon-drainy razazavavy ka hotorahan' ny mponina amin' ny tanànany vato ho faty, satria nanao izay fady indrindra teo amin' ny Isiraely izy ka nijangajanga tao an-tranon-drainy; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. **22** Raha misy lehilahy azo mandry amim-behivavy vadin' olona, dia samy hatao maty izy roroa, na ralehilahy izay nandry tamin-dravehivavy, na ravehivavy koa; ka dia hofongoranao tsy ho eo amin' ny Isiraely ny fanao ratsy. **23** Raha misy zazavavy virijina voafofo ho vadin' olona, ary misy lehilahy mahita azy eo an-tanàna ka mandry aminy, **24** dia ho entinareo mivoaka ho eo amin' ny vavahadin' izany tanàna izany izy roroa ka hotorahanareo vato ho faty: razazavavy moa, satria tsy niantso, nefa tao an-tanàna ihany; ary ralehilahy koa, satria nandry tamin' ny vadin' ny namany; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. **25** Fa raha any an-tsaha kosa no ahitan-dralehilahy an-drazazavavy voafofo ho vadin' olona, ary misavika azy ralehilahy ka mandry aminy, dia ralehilahy izay nandry taminy ihany no hatao maty. **26** Fa ravehivavy dia tsy hasianao na inona na inona; fa tsy misy ota tokony hahafaty azy; fa tahaka ny olona mitsangana hamely ny namany ka mahafaty azy no hevitr' izany zavatra izany. **27** Fa tany an-tsaha no nahitany azy; ary niantso ihany razazavavy voafofo ho vadin' olona, nefa tsy nisy hamonjy azy. **28** Raha misy lehilahy mahita zazavavy virijina, izay tsy voafofo ho vadin' olona, ka misavika azy sady mandry aminy, koa hita izy roroa, **29** dia hanome sekely volafotsy dimam-polo ho an' ny rain-drazazavavy ralehilahy izay nandry taminy; ary hovadiny izy, satria efa nosavihiny sady nandriany; ary tsy azony hisaorana izy amin' ny andro rehetra hiainany. **30** Tsy mahazo maka ny vadin-drainy ny olona, na maniry amin' izay nandrian-drainy.

23 Tsy mahazo miditra amin' ny fiangonan' i Jehovah izay torotoro vihina, na izay voatapaka ny filahiany. **2** Ny zazasary tsy mahazo miditra amin' ny fiangonan' i Jehovah: na dia hatramin' ny taranany fahafolo mandimby aza dia tsy hahazo miditra amin' ny fiangonan' i Jehovah. **3** Ny Amonita sy ny Moabita tsy mahazo miditra amin' ny fiangonan' i Jehovah: na dia hatramin' ny taranany fahafolo mandimby aza dia tsy hahazo miditra amin' ny fiangonan' i Jehovah hatramin' ny mandrakizay ireny, **4** satria tsy nitsena hanina sy rano anareo teny an-dalana izy, raha nivoaka avy tany Egypta ianareo, ary satria nanamby an' i Balama, zanak' i Beora, avy any Petora any Mesopotamia, hanozona anao izy. **5** Kanefa Jehovah Andriamanitrao tsy nety nihaino an' i Balama, fa nampody ny fanozonana ho fitahiana anao Izy noho ny fitiavany anao. **6** Aza mitady izay hiadanany na izay hahasoa azy amin' ny andronao rehetra mandrakizay. **7** Aza atao ho fahavetavetana ny Edomita, fa rahalahinao izy, na ny Egyptiana, fa efa mba vahiny tany amin' ny taniny ianao. **8** Ny zafiafin' ireo dia hahazo miditra amin' ny fiangonan' i Jehovah. **9** Raha mivoaka hiady amin' ny fahavalonao ny tafikao, dia mifadia ny ratsy rehetra. **10** Raha misy olona eo aminao, izay tsy madio noho izay nanjo azy tamin' ny alina, dia hivoaka eny ivelan' ny toby izy, fa tsy hiditra ao anatiny. **11** Fa rehefa hariva, dia aoka handro amin' ny rano izy; ary nony tokony ho maty masoandro, dia mahazo miverina eo amin' ny toby indray izy. **12** Ary aoka hisy tany voafaritrao any ivelan' ny toby ho fivoahanao; **13** ary mitondrà fantaka miaraka amin' ny fiadianao, ka raha hipetraka eny ivelany ianao, dia

mihadia lavaka amin' ny fantaka, ka totofy ny fivalananao. **14** Fa Jehovah Andriamanitrao mandeha eo afovoan' ny tobinao hamonjy anao sy hanolotra ny fahavalonao eo anoloanao; ka dia ho masìna ny tobinao, mba tsy hahita zavatra maloto eo aminao izy ka tsy hiala aminao. **15** Aza atolotrao amin' ny tompony intsony ny andevo izay mandositra mamonjy tena ho eo aminao. **16** Eo aminao no hitoerany, dia eo amin' ny tanàna izay tiany sy izay sitraky ny fony; fa aza mampahory azy. **17** Aoka tsy hisy zanakavavy na zanakalahin' ny Isiraely hanolo-tena hijangajanga ho fanompoan-tsampy. **18** Aza mitondra ny tangin' ny vehivavy janga, na ny karaman' alika, ho ao an-tranon' i Jehovah Andriamanitra, hanefana voady; fa fahavetavetana eo imason' i Jehovah Andriamanitrao ireo zavatra roa ireo. **19** Aza mampanàna zavatra amin' ny rahalahinao, na vola, na hanina, na zavatra hafa mety hampananaina. **20** Ny olona hafa firenena ihany no hampananaina zavatra; fa ny rahalahinao kosa dia tsy hampananaina; mba hotahin' i Jehovah Andriamanitrao ianao amin' izay rehetra ataon' ny tananao eo amin' ny tany izay efa hidiranao holovana. **21** Raha mivoady amin' i Jehovah Andriamanitrao ianao, dia aza ela fanefa; fa hadinin' i Jehovah Andriamanitrao aminao tokoa izany ka ho fahotana aminao. **22** Fa raha tsy mivoady ianao, dia tsy fahotana aminao izany. **23** Izay aloaky ny vavanao dia tandremo hotanterahinao, araka ny sitraponao nivoadianao tamin' i Jehovah ihany, dia izay nolazain' ny vavanao. **24** Raha mankany amin' ny tanimboaloboky ny namanao ianao, dia mahazo manaram-po mihinam-boaloboka hahavoky anao; fa aza mitondra mody. **25** Raha mankany amin' ny tanimbarin' ny namanao ianao, dia mahazo mioty salohim-bary ny tananao; fa aza jinjanao antsy ny varin' ny namanao.

24 Raha misy lehilahy maka vady ka mampakatra azy, ary tsy tiany intsony ravehivavy noho ny ahitany fahalotoana eo aminy, dia aoka hanoratra taratasy fisaorambady ho an-dravehivavy Izy ary hanolotra izany eo an-tànany ka hampiala azy ao an-tranony. **2** Ary rehefa miala ao an-tranony ravehivavy, dia mahazo mandeha ka manambady olon-kafa. **3** Ary raha tsy tia an-dravehivavy ilay vao manambady azy ka manoratra taratasy fisaorambady koa ary manolotra izany eo an-tànany ka mampiala azy ao an-tranony, na maty ilay nanambady azy taoriana: **4** ilay nanambady azy taloha ka nisaotra azy dia tsy mahazo manambady azy intsony, rehefa voaloto izy; fa fahavetavetana eo imason' i Jehovah izany; ary aza mampiditra heloka amin' ny tany, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao ho lovanao. **5** Raha misy lehilahy vao nampaka-bady, dia tsy handeha hiantafika izy, ary tsy hampanaovina fanompoana akory, fa havela hitoetra ao an-tranony herintaona ka hampifaly ny vadiny izay vao nampakariny. **6** Aza misy olona maka ny fikosoham-bary ho tsatòka, na ny vatony ambony aza; fa maka aina ho tsatòka izany. **7** Raha misy olona hita mangalatra ny anankiray amin' ny Zanak' Isiraely rahalahiny ka manandevo azy, dia hatao maty izany mpangalatra izany; hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. **8** Mitandrema ny amin' ny habokana, ka araho tsara izay rehetra hatoron' ireo Levita mpisorona anareo; araka izay nandidiako azy no hotandremanareo harahina. **9** Tsarovy izay nataon' i Jehovah Andriamanitrao tamin' i Miriama teny an-dalana tamin' ny nandehananareo avy tany Egypta. **10** Raha mampisambo-javatra ny namanao ianao, dia aza miditra ao an-tranony handray ny antoka aminy. **11** Mijanòna eo ala-trano, ary ny lehilahy izay nampisamborinao no hamoaka ny antoka ho aminao eo ala-trano. **12** Ary raha malahelo ralehilahy, dia aza tananao miloaka alina ny antoka, **13** fa tsy maintsy haverinao aminy mihitsy, rehefa tokony ho maty masoandro, mba hirakofany ny lambany, ka hisaorany anao; dia ho fahamarinana ho anao eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao izany. **14** Aza manao fitondrana sarotra amin' ny mpikarama izay mahantra sy malahelo, na rahalahinao, na vahiny ao amin' ny taninao sy ao an-tanànanao. **15** Fa andro anaovany ihany no hanomezanao azy ny karamany, raha mbola tsy milentika ny masoandro, fa malahelo izy, ka izany no irin' ny fony; fandrao hitaraina amin' i Jehovah noho ny nataonao izy, dia ho fahotana aminao izany. **16** Ny ray tsy hatao maty amin' ny ataon' ny zanany, ary ny zanaka tsy hatao maty amin' ny ataon' ny rainy; fa samy hatao maty amin' ny fahotany avy ihany ny olona. **17** Aza manao fitsarana miangatra amin' ny vahiny sy ny kamboty; ary aza maka ny fitafian' ny mpitondratena ho tsatòka. **18** Fa tsarovy fa andevo tany Egypta ianao, ary Jehovah Andriamanitrao efa nanavotra anao ho afaka tany; koa izany no andidiako anao hanao izany zavatra izany. **19** Raha mijinja ny varinao any an-tsaha ianao, ka misy amboara hadinonao any, dia aza miverina haka azy; fa aoka ho an' ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izany; mba hotahin' i Jehovah Andriamanitrao ianao amin' ny asa rehetra ataon' ny tananao. **20** Raha manintsana ny hazo olivanao ianao, dia aza miverina hitsimpona izay sisa; fa aoka ho an' ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izany. **21** Raha mioty ny voalobokao ianao, dia aza miverina hitsimpona izay sisa; fa aoka ho an' ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izany. **22** Ary tsarovy fa andevo tany amin' ny tany Egypta ianao; koa izany no andidiako anao hanao izany zavatra izany.

25 Raha misy olona manana ady ka mankeo amin' ny fitsarana ary tsarain' ny mpitsara, dia aoka hohamarininy izay marina ary hohelohiny kosa izay meloka. **2** Ary raha tokony hokapohina ny meloka, dia aoka hampandrin' ny mpitsara izy ka hokapohina eo anatrehany, ary hatao araka ny helony no isan' ny kapoka hatao aminy. **3** Hatramin' ny efa-polo no kapoka azo hatao aminy, fa tsy hatao mihoatra; fandrao raha mihoatra noho izany, dia ho toy ny tsinontsinona eo imasonao ny rahalahinao. **4** Aza manakombona ny vavan' ny omby mively vary. **5** Raha misy mpirahalahy miara-monina, ary maty momba ny anankiray, dia aoka tsy hanambady vahiny any ivelany ny vadin' ny maty; fa ny rahalahin' ny vadiny ihany no aoka hanambady azy ka hitondra loloha azy. **6** Ary ny lahimatoa izay haterany dia hitondra ny anaran' ilay rahalahy izay efa maty, mba tsy ho faty maso eo amin' ny Isiraely izy. **7**

Ary raha tsy sitra-dralehilahy ny hitondra loloha ny vadin-drahalahiny, dia aoka hankeo amin' ny vavahady ho eo amin' ny loholona ravehivavy ka hanao hoe: Ny rahalahin' ny vadiko tsy mety mamelo-maso ny rahalahiny, fa tsy mety mitondra loloha ahy. **8** Dia hantsoin' ny loholona amin' ny tanàna ralehilahy ka hadininy; ary raha mikiry izy ka manao hoe: Tsy sitrako ny hanambady azy, **9** dia hanatona azy eo anatrehan' ny loholona ny vadin-drahalahiny ka hanala ny kapa amin' ny tongo-dralehilahy, dia handrora amin' ny tavany ka hiteny hoe: Toy izany no hatao amin' izay olona tsy mety mamelo-maso ny rahalahiny. **10** Ary ny anarandralehilahy dia hatao eo amin' ny Isiraely hoe: Fianakavian' ilay nalan-kapa. **11** Raha misy olona miady, ary ny vadin' ny anankiray manatona hamonjy ny vadiny amin' ny tànan' izay mamely azy, ary maninjitra ny tànany ka mandray azy an-kasarotana, **12** dia hotapahinao ny tànany; tsy hiantra azy ny masonao. **13** Aoka tsy hisy vato mahery sy reraka ao an-kitaponao. **14** Aoka tsy hisy famarana mihoatra sy latsaka ao an-tranonao. **15** Vato feno lanja sady marina ary famarana tonga ohatra sady marina no aoka hotananao, mba ho maro andro ianao any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao. **16** Fa fahavetavetana eo imason' i Jehovah Andriamanitrao izay rehetra manao izany zavatra izany, dia izay rehetra manao ny tsy marina. **17** Tsarovy izay nataon' ny Amalekita taminao teny an-dalana tamin' ny nandehananareo avy tany Egypta, **18** dia ny nitsenany anao teny an-dalana sy ny namelezany ny vodilalanao, dia izay rehetra tsy afaka teo aorianao, raha reraka sy sasatra ianao; fa tsy natahotra an' Andriamanitra izy. **19** Ary rehefa omen' i Jehovah Andriamanitrao fitsaharana amin' ny fahavalonao rehetra manodidina ianao any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao ho lovanao, dia hovonoinao ny fahatsiarovana ny Amalekita tsy ho eo ambanin' ny lanitra intsony: aza hadinoinao izany.

26 Ary rehefa tonga ao amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao ho lovanao ianao ka mandova azy ary monina ao, **2** dia analao ny voalohambokatra rehetra amin' ny tany, izay alainao avy amin' ny taninao, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao, ka ataovy an-karona; ary mankanesa ho any amin' ny tany izay hofidin' i Jehovah Andriamanitrao hampitoerany ny anarany; **3** dia mankanesa amin' ny mpisorona amin izany andro izany, ka lazao aminy hoe: Manambara amin' i Jehovah Andriamanitrao aho anio fa tonga eto amin' ny tany izay nianianan' i Jehovah tamin' ny razantsika homeny antsika. **4** Dia horaisin' ny mpisorona eny antananao ny harona ka hapetrany eo anoloan' ny alitaran' i Jehovah Andriamanitrao. **5** Dia hiteny eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka hanao hoe: Syriana mpanjenjena no raiko, ka nidina tany Egypta izy, dia nivahiny tany mbamin' ny olom-bitsy; ary tany izy no tonga firenena lehibe sy mahery sady maro isa. **6** Ary nanao ratsy tamintsika ny Egyptiana ka nampahory antsika sy nampanao antsika fanompoana mafy. **7** Dia nitaraina tamin' i Jehovah, Andriamanitry ny razantsika, isika, ka nihaino ny feontsika Izy ary nijery ny alahelontsika sy ny asantsika ary ny fahoriantsika; **8** ary tanana mahery sy sandry nahinjitra sy fampahatahorana lehibe sy famantarana ary fahagagana no nitondran' i Jehovah antsika nivoaka avy tany Egypta, **9** dia nitondra antsika niditra teto amin' ity tany ity Izy ka nanome antsika ity tany ity, dia tany tondra-dronono sy tantely. **10** Ary ankehitriny, Jehovah ô, indro, efa nentiko ny voaloham-bokatra amin' ny tany izay nomenao ahy. Dia avelao eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao ny zavatra, ary mivavaha eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao. **11** Ary mifalia amin' ny soa rehetra izay nomen' i Jehovah Andriamanitrao anao sy ny ankohonanao ianao sy ny Levita mbamin' ny vahiny eo aminao. **12** Rehefa voangonao ny fahafolon-karena rehetra avy amin' ny vokatrao amin' ny taona fahatelo, izay taona fanangonana ny fahafolon-karena, dia omeo ny Levita sy ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izany, mba hohaniny ao an-tanànanao, ka ho voky izy, **13** ary dia lazao eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao hoe: Efa navoakako avokoa ny zava-masìna tao an-tranoko ka nomeko ny Levita sy ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena, araka ny lalànao rehetra izay nandidianao ahy; tsy nandika ny didinao aho na nanadino azy. **14** Tsy nisy nohaniko teo amin' ny fisaonako, na nentiko nivoaka teo amin' ny fahalotoako, na nataoko fahan-kanina noho ny maty; fa efa nihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitro aho ka nanao araka izay rehetra nandidianao ahy. **15** Tsinjovy ao amin' ny fonenanao masìna any an-danitra, ka tahio ny Isiraely olonao sy ny tany izay nomenao anay araka izay nianiananao tamin' ny razanay, dia tany tondra-dronono sy tantely. **16** Anio no andidian' i Jehovah Andriamanitrao anao hanaraka ireo didy sy fitsipika ireo; koa tandremo sy araho amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ireo. **17** Efa nampiteny an' i Jehovah ianao androany fa ho Andriamanitrao Izy, ka handeha amin' ny lalany sy hitandrina ny lalàny sy ny didiny ary ny fitsipiny ianao ary hihaino ny feony. **18** Ary Jehovah kosa efa nampiteny anao androany fa firenena rakitra soa ho Azy ianao, araka izay nolazainy taminao, mba hitandremanao ny didiny rehetra, **19** sy hanandratany anao ho ambonin' ny firenena rehetra izay nataony, ho fiderana sy ho anarana ary ho voninahitra ary mba ho firenena masìna ho an' i Jehovah Andriamanitrao ianao, araka izay nolazainy.

27 Ary Mosesy sy ny loholon' ny Isiraely dia nandidy ny vahoaka ka nanao hoe: Tandremo ny lalàna rehetra izay andidiako anao anio. **2** Ary amin' ny andro izay hitànareo an' i Jordana ho any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao, dia manangàna vato lehibe ho anao, ka lalory sokay; **3** dia soraty eo aminy ny teny rehetra amin' ity lalàna ity, rehefa tafita ianao mba hiditra ao amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao, dia tany tondra-dronono sy tantely, araka izay nolazain' i Jehovah, Andriamanitry ny razanao taminao. **4** Ary rehefa tafita an' i Jordana ianareo, dia atsangano ao antendrombohitra Ebala ireo vato ireo, izay nandidiako anareo andro any ka lalory sokay. **5** Ary manorena alitara ao ho an' i Jehovah Andriamanitrao; vato no hataonao alitara, nefa

aza pehim-by izy. **6** Vato tsy voapaika no hataonao alitaran' i Jehovah Andriamanitrao; ka manatera fanatitra dorana eo amboniny ho an' i Jehovah Andriamanitrao. **7** Ary manatera koa fanati-pihavanana, ka mihinàna eo sy mifalia eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao. **8** Ary soraty amin' ireo vato ireo ny teny rehetra amin' ity lalàna ity, ka ataovy velona tsara ny soratra. **9** Dia niteny tamin' ny Isiraely rehetra Mosesy sy ireo Levita mpisorona ka nanao hoe: Mangìna, ka mihainoa, ry Isiraely ô: androany no efa tonga firenen' i Jehovah Andriamanitrao ianao. **10** Koa henoy ny feon' i Jehovah Andriamanitrao, ary araho ny didiny sy ny lalàny, izay andidiako anao anio. **11** Dia nandidy ny vahoaka tamin' izany andro izany Mosesy ka nanao hoe: **12** Ireto no hijanona eo an-tendrombohitra Gerizima hitsodrano ny vahoaka, rehefa tafita an' i Jordana ianareo: dia ny Simeona sy ny Levy sy ny Joda sy ny Isakara sy ny Josefa ary ny Benjamina. **13** Ary ireto kosa no hijanona eo an-tendrombohitra Ebala hanozona: dia ny Robena sy ny Gada sy ny Asera sy ny Zebolona sy ny Dana ary ny Naftaly. **14** Dia hiteny ny Levita ka hanao amin' ny Isiraely rehetra amin' ny feo mahery hoe: **15** Hozonina ny olona izay manao sarin-javatra voasokitra na sarin-javatra anidina, izay fahavetavetana eo imason' i Jehovah, asan' ny tanan' ny mahay tao-zavatra, ka mametraka azy ao amin' ny takona. Dia hamaly ny vahoaka rehetra ka hanao hoe: Amena. **16** Hozonina izay manao tsinontsinona ny rainy na ny reniny. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **17** Hozonina izay mamindra ny faritanin' ny namany. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **18** Hozonina izay mampivily lalana ny jamba. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **19** Hozonina izay manao fitsarana miangatra amin' ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **20** Hozonina izay mandry amin' ny vadin-drainy, fa mandry amin' izay nandrian-drainy izy. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **21** Hozonina izay mandry amin' ny biby. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **22** Hozonina izay mandry amin' ny anabaviny, dia ny zanakavavin-drainy, na ny zanakavavin-dreniny. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **23** Hozonina izay mandry amin' ny rafozanivavy. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **24** Hozonina izay mamely ny namany ao amin' ny takona. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **25** Hozonina izay mandray kolikoly hahafaty olo-marina. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena. **26** Hozonina izay tsy mankatò ny tenin' ity lalàna ity. Ary ny vahoaka rehetra hanao hoe: Amena.

28 Raha mihaino tsara ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka mitandrina hanaraka ny didiny rehetra, izay andidiako anao anio, dia hasandratr' i Jehovah Andriamanitrao ho ambonin' ny firenena rehetra amin' ny tany ianao; **2** ary ho tonga aminao sy ho azonao izao fitahiana rehetra izao, raha mihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ianao **3** Hotahina ianao ao an-tanàna, ary hotahina ianao any an-tsaha. **4** Hotahina ny ateraky ny kibonao sy ny vokatry ny taninao ary ny ateraky ny biby fiompinao, dia ny ateraky ny ombinao sy ny ateraky ny ondry aman' osinao. **5** Hotahina ny haronao sy ny vilia fanaova-mofonao. **6** Hotahina ianao, raha miditra; ary hotahina ianao, raha mivoaka. **7** Hatolotr' i Jehovah ho resy eo anoloanao ny fahavalonao, izay mitsangana hiady aminao, ka lalana iray no hivoahany hanatona anao, fa lalana fito kosa no handosirany hiala eo anoloanao. **8** Handidy ny fitahiany ho aminao Jehovah amin' ny fitoerambarinao sy izay rehetra ataon' ny tananao, ka hitahy anao Izy any amin' ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao. **9** Hanandratra anao ho firenena masìna ho Azy Jehovah, araka izay nianianany taminao, raha mitandrina ny didin' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka mandeha amin' ny lalany. **10** Dia ho hitan' ny firenena rehetra ambonin' ny tany fa ny anaran' i Jehovah no antsoina aminao, dia hatahotra anao izy. **11** Ary hataon' i Jehovah manana amby ampy izay hahasoa anao, dia ny ateraky ny kibonao sy ny ateraky ny biby fiompinao ary ny vokatry ny taninao, any amin' ny tany izay nianianan' i Jehovah tamin' ny razanao homena anao. **12** Hovohan' i Jehovah ho anao ny lanitra, tranony fitehirizan-tsoa, handatsahany ranonorana amin' ny taninao amin' ny fotoany sy hitahiany ny asan' ny tananao rehetra. Ary hampisambotra ny firenena maro ianao, fa ianao kosa tsy hisambotra. **13** Dia hataon' i Jehovah ho lohany ianao, fa tsy ho rambony; ary ho ambony tokoa ianao, fa tsy ho ambany, raha mihaino ny didin' i Jehovah Andriamanitrao, izay andidiako anao anio, ka mitandrina sy manaraka azy. **14** Ary aza miala amin' ny teny rehetra izay andidiako anao anio, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia, hanaraka andriamani-kafa ka hanompo azy. **15** Fa raha tsy mihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao kosa ianao ka tsy mitandrina hanaraka ny didiny rehetra sy ny lalàny, izay andidiako anao anio, dia ho tonga aminao sy hahatratra anao izao fanozonana rehetra izao: **16** Hozonina ianao ao an-tanàna, ary hozonina ianao any an-tsaha. **17** Hozonina ny haronao sy ny vilia fanaova-mofonao. **18** Hozonina ny ateraky ny kibonao sy ny vokatry ny taninao ary ny ateraky ny ombinao sy ny ateraky ny ondry aman' osinao. **19** Hozonina ianao, raha miditra; ary hozonina ianao, raha mivoaka. **20** Hampandehanin' i Jehovah aminao ny ozona, dia horohoro sy fampitahorana amin' izay rehetra ataon' ny tananao, mandra-paharinganao sy mandra-pahalaninao faingana noho ny faharatsian' ny nataonao tamin' ny nahafoizanao Ahy. **21** Hampiraiketin' i Jehovah aminao ny areti-mandringana, mandra-pandaniny anao tsy ho eo amin' ny tany izay efa hidiranao holovana. **22** Ary areti-mahasahozanina sy tazo mahamay sy fahamaizana sy hafanana mangotraka sy andro mihantona sy vary main' ny rivotra na maty fotsy no hamelezan' i Jehovah anao; dia hanenjika anao ireny mandra-pahalany ritranao. **23** Ary ho varahina ny lanitra eo ambonin' ny lohanao, ary ho vy ny tany eo ambaninao. **24** Hataon' i Jehovah vovoka sy jofo ny ranonorana amin' ny taninao; avy any an-danitra no hidinan' izany aminao mandra-paharinganao. **25** Hatolotr' i Jehovah ho resy eo anoloan' ny fahavalonao ianao, ka lalana iray no hivoahanao hiady aminy, fa lalana fito kosa no handosiranao hiala eo anoloany; dia ho mpanjenjena

any amin' ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany ianao. **26** Ary ny fatinao hohanin' ny voro-manidina rehetra sy ny bibidia, ka tsy hisy hanaitaitra azy. **27** Hamelin' i Jehovah anao ny vain' i Egypta sy ny tomboka sy ny hatina ary ny hazaka (izay tsy azom-panafody); **28** ary hamelin' i Jehovah anao koa ny fahadalana sy ny fahajambana ary ny fahaverezan-kevitra. **29** Dia hitsapatsapa ianao na dia amin' ny mitataovovonana aza tahaka ny fitsapatsapan' ny jamba ao amin' ny aizim-pito ka tsy ho tonga amin' izay halehanao; dia hampahorin' ny sasany sy hobaboiny mandrakariva ianao, fa tsy hisy hamonjy. **30** Hifofo vady ianao, fa olon-kafa no handry aminy; hanao trano ianao, fa tsy hitoetra ao; hanao tanim-boaloboka ianao, fa tsy hihinana ny vokatra. **31** Ny ombinao hovonoina eo imasonao, fa tsy hihinana ny henany ianao. Ny borikinao halaina an-keriny eo anatrehanao ka tsy haverina aminao. Ny ondry aman' osinao homena ho an' ny fahavalonao, nefa tsy hanan-kamonjy ianao. **32** Ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy homena ho an' ny firenena hafa, ary hijery ny masonao ka ho pahina manontolo andro noho ny alahelonao azy, nefa tsy hahefa na inona na inona ny tananao. **33** Ny vokatry ny taninao sy izay rehetra efa nisasaranao dia hohanin' ny firenena izay tsy fantatrao; any hanaovan' ny sasany an-keriny sy hotorotoroiny mandrakariva ianao. **34** Dia ho very saina ianao noho ny zavatra izay ho hitan' ny masonao. **35** Hamelin' i Jehovah anao ny vay ratsy, izay tsy azom-panafody, dia amin' ny lohalikao sy ny tongotrao, hatramin' ny faladianao ka hatramin' ny tampon-dohanao. **36** Ho entin' i Jehovah ho any amin' ny firenena izay tsy fantatrao na ny razanao ianao sy ny mpanjakanao, izay hatsanganao hanjaka aminao; any any no hanompoanao andriamani-kafa, dia vato aman-kazo. **37** Dia ho figagana sy ohabolana ary ho ambentinteny ianao any amin' ny firenena rehetra izay hitondran' i Jehovah anao. **38** Voan-javatra betsaka no ho entinao hambolena any an-tsaha, fa kely kosa no hangoninao, satria ho lanin' ny valala ireny. **39** Hanao tanim-boaloboka ianao ka hiasa azy, nefa tsy hisotro divay na hioty voaloboka ianao, satria ho lanin' ny fositra ireny. **40** Hanana hazo oliva amin' ny taninao rehetra ianao, nefa tsy hihosotra diloilo; fa hihintsana ny olivanao. **41** Hiteraka zazalahy sy zazavavy ianao, nefa tsy ho anao ireny, fa ho lasan-ko babo. **42** Ny hazonao sy ny vokatry ny taninao rehetra dia ho lanin' ny valala. **43** Ny vahiny eo aminao hisandratra ho ambony dia ambony noho ianao, fa ianao kosa hietry ho ambany dia ambany. **44** Izy hampisambotra anao, fa ianao kosa tsy hampisambotra azy; izy ho lohany, fa ianao ho rambony. **45** Dia ho tonga aminao ireo ozona rehetra ireo ka hanenjika anao sy hahatratra anao mandra-paharinganao, satria tsy nihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ianao hitandremanao ny didiny sy ny lalàny, izay nandidiany anao. **46** Ary ho famantarana sy fahagagana aminao sy ny taranakao mandrakizay izany, **47** satria tsy nanompo an' i Jehovah Andriamanitrao tamin' ny fahafaliana sy ny faharavoam-po ianao noho ny habetsahan' ny zavatra rehetra. **48** Any amin' ny fahanoanana sy ny hetaheta sy ny fitanjahana any ny tsi-fananana na inona na inona no hanompoanao ny fahavalonao izay hampandehanin' i Jehovah hiady aminao; dia hanisy zioga vy amin' ny vozonao ireny mandra-pandringany anao. **49** Ho entin' i Jehovah hiady aminao izay firenena avy lavitra, dia ny avy amin' ny faran' ny tany-tahaka ny fanidin' ny voromahery no fihaviny, sady firenena izay tsy ho fantatrao ny fiteniny, **50** firenena masiaka endrika, izay tsy hanaja ny antitra, na hiantra ny tanora **51** dia hohaniny ny ateraky ny ombinao sy ny vokatry ny taninao mandra-paharinganao; ka tsy hisy havelany ho anao, na vary, na ranom-boaloboka, na diloilo, na ny ateraky ny ombinao, na ny ateraky ny ondry aman' osinao, mandra-pandringany anao. **52** Dia hataony fahirano any amin' ny tanànanao rehetra ianao mandra-pandravany ny mandanao avo sy mafy, izay itokianao, eran' ny taninao rehetra; eny, hataony fahirano ianao any amin' ny tanànanao rehetra eran' ny taninao rehetra, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao. **53** Ary eo amin' ny fahirano sy ny fanerena, izay haneren' ny fahavalonao anao, dia ny ateraky ny kibonao no hohaninao, dia ny nofon' ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy, izay omen' i Jehovah Andriamanitrao anao. **54** Ny lehilahy malemilemy sy mihantahanta indrindra eo aminao dia ho ratsy fijery ny rahalahiny sy ny vadiny andefimandry ary ny zanany sisa, **55** ka tsy hisy amin' ireo hanomezany ny nofon' ny zanany izay haniny fandrao tsy hisy intsony ho azy amin' ny fahirano sy ny fanerena, izay haneren' ny fahavalonao anao any amin' ny tanànanao rehetra. **56** Ny vehivavy malemilemy sy mihantahanta eo aminao, izay tsy mbola nanandrana nandia tany noho ny fihantahantany sy ny fahalemilemeny, dia ho ratsy fiteny ny vadiny andefimandry sy ny zananilahy ary ny zananivavy **57** noho ny ahitra izay mivoaka avy aminy sy ny zanany vao teraka; fa hihinana izany mangingina izy noho ny tsi-fisian-javatra amin' ny fahirano sy ny fanerena, izay haneren' ny fahavalonao anao any amin' ny tanànanao. **58** Raha tsy tandremanao ny hanaraka ny teny rehetra amin' ity lalàna ity, izay voasoratra eto amin' ity boky ity, hatahoranao izao anarana efa nankalazaina sady mahatahotra izao hoe: JEHOVAH ANDRIAMANITRAO, **59** dia hataon' i Jehovah mahagaga ny kapoka hataony aminao sy ny zanakao, dia kapoka mafy sady maharitra ela ary fahararіana mafy sady maharitra ela. **60** Dia haveriny aminao indray ny aretin' i Egypta rehetra, izay natahoranao ka hiraikitra aminao ireny. **61** Ary ny fahararіana rehetra sy ny kapoka rehetra koa, izay tsy voasoratra amin' ny bokin' ity lalàna ity aza, dia ho entin' i Jehovah mamely anao mandra-paharinganao. **62** Ary olona vitsy no ho sisa aminareo hisolo izao fahamaroanareo toy ny kintana eny amin' ny lanitra izao, satria tsy nihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ianao. **63** Ary araka izay nifalian' i Jehovah taminareo hahasoa sy hahamaro anareo, dia araka izany kosa no hifalian' i Jehovah handringana sy handrava anareo; dia hofongorana ianareo tsy ho eo amin' ny tany, izay efa hidiranao holovana. **64** Dia haelin' i Jehovah any amin' ny firerena rehetra hatramin' ny faran' ny tany ianao; ary any no hanompoanao andriamani-kafa vato aman-kazo, izay tsy fantatrao na ny razanao. **65** Ary any amin' ireo firenena ireo dia tsy hisy hiainanao, na hitsaharan' ny faladianao; fa any no hanomezan' i Jehovah

anao fo miemponempona sy maso pahina ary fahakiviampanahy. **66** Ar ny ainao hihevingevina eo anatrehanao; dia hatahotra andro aman' alina ianao ka tsy hanampo izay ho velona. **67** Nony maraina ny andro dia hanao hoe ianao: Malakia hariva! ary nony hariva ny andro, dia hanao hoe ianao: Malakia maraina! noho ny tahotry ny fonao izay hatahoranao, sy noho ny zavatra izay ho hitan' ny masonao. **68** Ary ianao ho entin' i Jehovah an-tsambo hiverina any Egypta amin' izay lalana efa nolazaiko taminao hoe: Tsy hahita izany intsony ianao; dia hivaro-tena ho andevolahy sy ho andevovavy any amin' ny fahavalonareo ianareo, nefa tsy hisy mpividy.

29 IZAO no tenin' ny fanekena izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy hatao amin' ny Zanak' Isiraely tany amin' ny tany Moaba, afa-tsy ilay fanekena nataony taminy tao Horeba. **2** Dia niantso ny Isiraely rehetra Mosesy ka nanao taminy hoe: Hianareo efa nahita izay rehetra nataon' i Jehovah teo imasonareo tany amin' ny tany Egypta tamin' i Farao sy ny mpanompony rehetra ary ny taniny rehetra, **3** dia ny fizahan-toetra lehibe, izay efa hitan' ny masonao, dia ireny famantarana sy fahagagana lehibe ireny. **4** Nefa tsy nomen' i Jehovah fo hahalala sy maso hahita ary sofina handre ianareo mandraka androany. **5** Dia nitondra anareo tany an-efitra efa-polo taona aho; tsy rovitra teny aminareo ny fitafianareo, ary tsy rovitra teo amin' ny tongotrao ny kapanao. **6** Tsy mofo no fihinanareo, ary tsy divay na toaka no fisotronareo, mba ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **7** Ary nony tonga tamin' ity tany ity ianareo, dia nivoaka Sihona, mpanjakan' i Hesbona, sy Oga, mpanjakan' i Basana, hiady amintsika, dia resintsika izy roa lahy. **8** Ary nalaintsika ny taniny ka nomentsika ho zara-tanin' ny Robenita sy ny Gadita ary ny antsasaky ny firenen' i Manase. **9** Dia tandremo ny tenin' izao fanekena izao, ka araho, mba hambinina ianareo amin' izay rehetra ataonareo. **10** Hianareo rehetra miseho eto anatrehan' i Jehovah Andriamanitrareo anio, dia ny lehibenareo sy ny firenenareo, ny lohan' ny firenenareo sy ny mpifehy anareo ary ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely, **11** ny zanakareo madinika koa sy ny vadinareo ary ny vahiny eo amin' ny tobinareo mbamin' ny mpikapa hazonao sy ny mpantsaka ranonao **12** hidiranao amin' ny faneken' i Jehovah Andriamanitrao sy ny fianianana, izay ataon' i Jehovah Andriamanitrao aminao anio, **13** hanandratany anao ho fireneny, ary mba ho Andriamanitrao Izy, araka izay nolazainy taminao sy araka izay nianianany tamin' ny razanao, dia Abrahama sy Isaka ary Jakoba. **14** Ary tsy aminareo ihany no anaovako izao fanekena sy fianianana izao, **15** fa amin' izay eto amintsika anio eto anatrehan' i Jehovah Andriamanitsika sy amin' izay tsy eto amintsika anio koa; **16** fa fantatrareo izay nitoerantsika tany amin' ny tany Egypta sy izay nandehanantsika namaky ny tanin' ny jentilisa; **17** ary efa hitanareo ny fahavetavetany sy ny sampiny hazo sy vato sy volafotsy ary volamena, izay teo aminy; **18** fandrao hisy lehilahy, na vehivavy, na mpianakavy, na firenena eto aminareo, izay manana fo mivily anio, ka miala amin' i Jehovah Andriamanitsika, handehanany hanompo ny andriamanitr' ireny firenena ireny; fandrao hisy faka eo aminareo izay miteraka zava-mangidy sady mahafaty; **19** ary raha ren' izany olona izany ny tenin' ity fanozonana ity, dia hiarahaba tena ao am-pony izy ka hanao hoe: Hanam-piadanana aho, fa hanaraka ny ditry ny foko, handringanana ny leony mbamin' ny mangetaheta. **20** Ary Jehovah dia tsy hety hamela ny helony, fa hanetroka amin' izany lehilahy izany ny fahatezeran' i Jehovah sy ny fahasaro-piarony, ary hitoetra aminy ny fanozonana rehetra izay voasoratra amin' ity boky ity, ka hovonoin' i Jehovah tsy ho eo ambanin' ny lanitra ny anarany. **21** Dia hosarahin' i Jehovah amin' ny firenen' Isiraely rehetra ho amin' ny loza izy, araka ny fanozonana rehetra amin' ny fanekena izay voasoratra amin' ity bokin' ny lalàna ity. **22** Ary hiteny ny taranaka any aoriana, dia ny zanakareo izay hitsangana handimby anareo, sy ny vahiny avy amin' ny tany lavitra, raha mahita ny kapoka natao tamin' ity tany ity sy ny fahararian izay nampaharanan' i Jehovah azy **23** fa ho solifara sy sira ary fahamaizana ny tany rehetra eo: tsy hofafazana izy, na hanirian-javatra, sady tsy hisy ahitra akory hitrebona ao, tahaka ny nandravana an' i Sodoma sy Gomora sy Adma ary Zeboïma, izay noravan' i Jehovah tamin' ny fahavinirany sy ny fahatezerany **24** dia hiteny ny firenena rehetra hoe: Nahoana Jehovah no dia nanao toy izany tamin' ity tany ity? Inona no hevitry ny firehetan' izao fahatezerana lehibe izao? **25** Dia hiteny ny vahoaka ka hanao hoe: Satria izy nahafoy ny faneken' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, izay nataony taminy fony Izy nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta. **26** Fa nandeha izy ka nanompo andriamani-kafa sady niankohoka teo anatrehany, dia andriamanitra izay tsy fantany sady tsy nomena azy; **27** dia nirehitra tamin' ity tany ity ny fahatezeran' i Jehovah, ka nataony tonga taminy avokoa ny fanozonana rehetra izay voasoratra eto amin' ity boky ity; **28** ary fahavinirana sy fahatezerana ary fahatezerana mirehitra no nandroahan' i Jehovah azy tsy ho eo amin' ny taniny sy nampandehanany azy ho any amin' ny tany hafa, tahaka ny amin' izao anio izao. **29** An' i Jehovah Andriamanitsika ny zava-miafina; fa antsika sy ny zanatsika mandrakizay kosa ny zavatra ambara, hankatoavantsika ny teny rehetra amin' ity lalàna ity.

30 Ary rehefa tonga aminao izany zavatra rehetra izany, dia ny fitahiana sy ny fanozonana izay nataoko teo anoloanao, ary mahatsiaro izany ao am-ponao any amin' ny firenena rehetra izay androahan' i Jehovah Andriamanitrao anao ianao, **2** ka miverina amin' i Jehovah Andriamanitrao sy mihaino ny feony amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, araka izay rehetra andidiako anao sy ny zanakao anio, **3** dia hampodin' i Jehovah Andriamanitrao avy amin' ny fahababoanao ianao, ary hamindra fo aminao Izy ka hanangona anao indray avy any amin' ny firenena rehetra izay nampielezan' i Jehovah Andriamanitrao anao. **4** Raha misy aminao voaroaka any amin' ny faravodilanitra, dia avy any no hanangonan' i Jehovah Andriamanitrao anao, ary avy any indray no hanalany anao. **5** Dia hampidirin' i Jehovah Andriamanitrao ao amin' ny tany izay nolovan' ny razanao

ianao, ka holovanao izany; ary hanisy soa anao Izy sy hahamaro anao mihoatra noho ny razanao. **6** Dia hoforan' i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon' ny taranakao hitiavanao an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona ianao. **7** Ary hataon' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fahavalonao sy ny mankahala anao izay nanenjika anao ireny fanozonana rehetra ireny. **8** Dia hihaino ny feon' i Jehovah indray ianao ka hanaraka ny didiny rehetra, izay andidiako anao anio. **9** Ary hataon' i Jehovah Andriamanitrao manana amby ampy ianao amin' izay hahasoa anao, dia amin' ny asan' ny tananao sy ny ateraky ny kibonao sy ny ateraky ny biby fiompinao ary ny vokatry ny taninao; fa ho faly aminao indray Jehovah ka hahasoa anao, araka izay nahafaliany tamin' ny razanao, **10** raha mihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ianao, hitandremanao ny didiny sy ny lalàny, izay voasoratra amin' ity bokin' ny lalàna ity, ka miverina amin' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra. **11** Fa izao lalàna izao, izay andidiako anao anio, tsy dia saro-pantarina aminao, ary tsy lavitra. **12** Tsy any an-danitra izany ka hanaovanao hoe: Iza no hiakatra any an-danitra haka azy ho antsika, mba hohenointsika ka harahintsika? **13** Ary tsy any an-dafin' ny ranomasina izany ka hanaovanao hoe: Iza no hankany an-dafin' ny ranomasina haka azy ho antsika mba hohenointsika ka harahintsika? **14** Fa eo akaikinao indrindra ny teny, dia eo am-bavanao sy ao am-ponao, mba harahinao. **15** Indro efa nataoko teo anoloanao androany ny fiainana sy ny soa ary ny fahafatesana sy ny loza, **16** tamin' ny nandidiako anao androany ho tia an' i Jehovah Andriamanitrao ka handeha amin' ny lalany ary hitandrina ny didiny sy ny lalàny ary ny fitsipiny, mba ho velona ianao ka hihamaro, ary mba hitahian' i Jehovah Andriamanitrao anao any amin' ny tany izay efa hidiranao holovana. **17** Fa raha mivily kosa ny fonao, ka tsy mihaino ianao, fa voataona hiankokoha eo anatrehan' izay andriamani-kafa sy hanompo azy, **18** dia lazaiko aminareo anio fa ho ringana tokoa ianareo, ary tsy ho maro andro eo amin' ny tany izay efa hidiranao holovana, rehefa tafita an' i Jordana ianareo. **19** Miantso ny lanitra sy ny tany aho anio ho vavolombelona aminareo fa efa nataoko teo anoloanao ny fiainana sy ny fahafatesana ary ny fitahiana sy ny fanozonana; koa mifidiana ny fiainana, mba ho velona ianao sy ny taranakao, **20** dia ny ho tia an' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka hihaino ny feony sy hifikitra aminy; fa izany no fiainanao sy fahamaroan' ny andronao, mba honenanao eo amin' ny tany izay nianianan' i Jehovah tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba razanao, homena azy.

31 Ary Mosesy nandeha, dia nilaza izao teny izao tamin' ny Isiraely rehetra **2** ka nanao taminy hoe: Efa roa-polo amby zato taona androany aho ka tsy afa-mivoaka sy miditra intsony, ary Jehovah efa nilaza tamiko hoe: Tsy hita io Jordana io ianao. **3** Jehovah Andriamanitrao no hita eo alohanao, ary Izy no handringana ireo firenena ireo tsy ho eo anoloanao, ka hahazo ny taniny ianao; ary Josoa no hita eo alohanao, araka izay efa nolazain' i Jehovah. **4** Ary Jehovah hanao amin' ireo tahaka ny nataony tamin' i Sihona sy Oga, mpanjakan' ny Amorita, izay naringany, sy tahaka ny nataony tamin' ny taniny. **5** Dia hatolotr' i Jehovah eo anoloanareo ireo hanaovanareo azy araka ny lalàna rehetra izay nandidiako anareo. **6** Mahereza sy matanjaha; aza matahotra na manahy azy; fa Jehovah Andriamanitrao no miara-mandeha aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy. **7** Ary Mosesy niantso an' i Josoa ka niteny taminy teo imason' ny Isiraely rehetra hoe: Mahereza sy matanjaha; fa ianao sy ity firenena ity dia hiara-miditra ao amin' ny tany izay nianianan' i Jehovah tamin' ny razany homena azy; ary ianao no hampandova azy izany. **8** Ary Jehovah no mandeha eo alohanao; ary Izy no hiaraka aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy; koa aza matahotra na mivadi-po ianao. **9** Dia nosoratan' i Mosesy izany lalàna izany ka natolony ireo mpisorona, taranak' i Levy, izay mpitondra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, sy ny loholon' ny Isiraely rehetra. **10** Dia nandidy azy Mosesy ka nanao hoe: Isam-pito taona, dia amin' ny taom-panafahana, amin' ny andro firavoravoana fitoerana amin' ny trano rantsan-kazo, **11** ka avy hiseho eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao eo amin' ny tany izay hofidiny ny Isiraely rehetra, dia aoka hovakinao eo anatrehan' ny Isiraely rehetra ny tenin' ity lalàna ity hihainoany azy. **12** Vorio ny vahoaka rehetra, na lehilahy, na vehivavy, na ankizy madinika, na ny vahiny ao an-tanànanao, hihainoany sy hianarany ka hatahorany an' i Jehovah Andriamanitrao sy hitandremany hanaraka ny teny rehetra amin' ity lalàna ity. **13** Ary ny zanany koa, izay tsy nahalala, dia handre ka hianatra hatahotra an' i Jehovah Andriamanitrareo amin' ny andro rehetra hiainanareo eo amin' ny tany, izay efa hidiranareo holovana, rehefa tafita an' i Jordana ianareo. **14** Dia hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Indro, antomotra ny andro hahafatesanao; koa miantsoa an' i Josoa, ary mitoera ao amin' ny trano-lay fihaonana ianareo mba handidiako azy. Dia nandeha Mosesy sy Josoa ka nitoetra tao amin' ny trano-lay fihaonana. **15** Ary Jehovah niseho teo amin' ny trano-lay tamin' ny andri-rahona; dia nijanona teo anoloan' ny varavaran' ny trano-lay ny andri-rahona. **16** Ary hoy Jehovah tamin' i Mosesy: Indro fa hodi-mandry any amin' ny razanao ianao; ary hitsangana ity firenena ity ka hijangajanga hanaraka ny andriamani-kafa any amin' ny tany izay efa hidirany honenana, dia hahafoy Ahy izy ka hivadika ny fanekeko izay nataoko taminy. **17** Dia hirehitra aminy ny fahatezerako amin' izany andro izany, ka hahafoy azy Aho ary hanafina ny tavako aminy, ka ho lany ritra izy, ary loza maro sy fahoriana no hanjo azy; dia hiteny izy amin' izany andro izany ka hanao hoe: Moa tsy ny tsy itoeran' Andriamanitro eto amiko va no mahatonga izao fahoriana izao amiko? **18** Ary Izaho dia hanafina ny tavako tokoa amin' izany andro izany noho ny ratsy rehetra izay nataony, fa nivily nanaraka andriamani-kafa izy. **19** Ary ankehitriny soraty ho anareo izao fihirana izao, ka ampianaro ny Zanak' Isiraely, ary aoka tsy ho afaka am-bavany izao fihirana izao mba ho vavolombelona amin' ny Zanak' Isiraely. **20** Fa rehefa entiko any amin' ny tany tondra-dronono sy tantely, izay nianianako tamin' ny razany homena azy izy, ary hihinana ka ho voky sy

hihamatavy, dia hivily hanaraka andriamani-kafa izy ka hanompo azy, ary handà Ahy ka hivadika ny fanekeko. **21** Ary raha manjo azy ny zava-dratsy maro sy ny fahoriana, dia ho vavolombelona aminy izao fihirana izao, fa tsy ho afaka am-bavan' ny taranany izao, fa fantatro ny fisainany izay efa hataony, na dia ankehitriny aza, raha tsy mbola nentiko any amin' ny tany izay nianianako homena azy izy. **22** Dia nosoratan' i Mosesy androtrizay ihany izao fihirana izao ka nampianariny ny Zanak' Isiraely. **23** Ary Jehovah nandidy an' i Josoa, zanak' i Nona, ka nanao hoe: Mahereza sy matanjaha; fa ianao no hitondra ny Zanak' Isiraely hiditra ao amin' ny tany izay nianianako taminy homena azy, ary homba anao Aho. **24** Ary rehefa voasoratr' i Mosesy teo amin' ny boky avokoa ny tenin' ity lalàna ity, **25** dia nandidy ny Levita, izay mpitondra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, izy ka nanao hoe: **26** Raiso ity bokin' ny lalàna ity, ka apetraho eo anilan' ny fiaran' ny faneken' i Jehovah Andriamanitrareo mba ho vavolombelona aminao. **27** Fa izaho mahalala ny ditranao sy ny hamafi-hatokao; indro, na dia mbola velona eto aminareo ankehitriny aza aho, dia miodina amin' i Jehovah ianareo, ka mainka fa rehefa maty aho. **28** Vorio ho eto amiko ny loholona rehetra amin' ny firenenareo sy ny mpifehy anareo, mba holazaiko eo anatrehany izao teny izao; ary hiantso ny lanitra sy ny tany ho vavolombelona aminy aho. **29** Fa fantatro fa rehefa maty aho, dia hanao ratsy tokoa ianareo ka hiala amin' ny lalana izay nasaiko nalehanareo; dia ho tratry ny loza ianareo any am-parany, satria hanao izay ratsy eo imason' i Jehovah ianareo ka hampahatezitra Azy amin' ny asan' ny tananareo. **30** Dia nolazain' i Mosesy teo anatrehan' ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, ny tenin' izao fihirana izao mandra-pahavitany.

32 Mihainoa, ry lanitra, fa hiteny aho! Ary mandrenesa, ry tany, ny tenin' ny vavako! **2** Ho avy tahaka ny ranonorana ny fampianarako, Ary hilatsaka tahaka ny ando ny teniko, Sy tahaka ny erika amin' ny ahi-maitso Ary ny ranonorana amin' ny anana. **3** Fa ny anaran' i Jehovah no hotoriko; Maneke ny fahalehibiazan' Andriamanitsika. **4** Ny amin' ny Vatolampy, tanteraka ny asany; Fa ny lalany rehetra dia amin' ny rariny avokoa. Andriamanitra mahatoky Izy, ka tsy misy ratsy ao aminy; Marina sy mahitsy Izy. **5** Efa nasian-dratsy Izy; Tsy zanany ireny, tsininy izany; Taranaka miolakolaka sady efa nivadika izy. **6** Moa Jehovah hovalianareo toy izany va, Ry firenena adala ka tsy hendry? Tsy Izy va no Rainao, Izay nanavotra anao? Tsy Izy va no nanao anao sy nanorina anao? **7** Tsarovy ny andro fahiny, Saino ny taona hatrizay hatrizay; Anontanio amin-drainao, fa hanambara aminao izy, Sy amin' ny anti-panahy eo aminao, fa hilaza aminao izy; **8** Fony nomen' ny Avo Indrindra zara-tany ny jentilisa, Ka samy natokantokany ny zanak' olombelona, Dia notendreny ny fari-tanin' ireo firenena Araka ny isan' ny Zanak' Isiraely. **9** Fa anjaran' i Jehovah ny olony: Jakoba no natokany ho lovany. **10** Nahita azy tany an-efitra Izy, Dia tany amin' ny tany foana be nampierona, Ka dia nanodidina sy niahy azy Ary notandremany tahaka ny anakandriamasony. **11** Toy ny voromahery manaitra ny ao amin' ny akaniny Ka manidintsidina eo ambonin' ny zanany, Dia toy izany no namelarany ny elany sy nandraisany azy Ary nitondrany azy teo ambonin' ny elany, **12** Jehovah irery no nitondra azy, Ary tsy nisy andriamani-kafa teo aminy. **13** Nampandeha azy teny ambonin' ny havoana amin' ny tany Izy, Ka nohaniny ny vokatry ny saha. Nampitsentsitra azy tantely avy teo amin' ny vatolampy Izy Sy diloilo avy teo amin' ny vatolampy afovato **14** Sy rononomandrin' omby sy rononon' ondry aman' osy Mbamin' ny tavin' ny zanak' ondry Sy ondrilahin' i Basana sy osilahy Ary vary izay vokatra indrindra; Ary nisotro divay mahery avy tamin' ny ran' ny voaloboka ianao. **15** Nihanatavy Jesorona ka namely daka, Efa matavy ianao sady vory nofo no vaventibe, Dia nahafoy an' Andriamanitra Izay nanao azy izy, Ary nanamavo ny Vatolampy famonjena azy. **16** Nampahasaro-piaro Azy tamin' ny hafa Izy; Ary tamin' ny zava-betaveta no nampahasosorany Azy; **17** Namono zavatra ho fanatitra ho an' ny demonia izay tsy Andriamanitra izy, Dia andriamanitra tsy fantany, Fa andriamanitra vao niseho, Izay tsy natahoran' ny razanareo. **18** Ny Vatolampy Izay niteraka anao dia tsy tsaroanao, Ary hadinoinao Andriamanitra Izay nahary anao. **19** Ary Jehovah nahita izany ka nandà Noho ny fahasosorany tamin' ny zananilahy sy ny zananivavy. **20** Dia hoy Izy: Hafeniko azy ny tavako; Ho hitako izay hiafarany; Fa firenena tena mpivadibadika izy, Dia zaza tsy mahatoky. **21** Izy efa nampahasaro-piaro Ahy tamin' izay tsy Andriamanitra Sy nampahasosotra Ahy tamin' ny zava-poanany; Ary Izaho kosa hampahasaro-piaro azy amin' izay tsy olona, Sy hampahasosotra azy amin' izay firenena adala. **22** Fa arehitra ny afon' ny fahatezerako, Ka mandoro hatrany amin' ny fiainan-tsi-hita any ambany indrindra, Sady mandevona ny tany mbamin' ny vokatra ao aminy Ary mampirehitra ny fanambanin' ny tendrombohitra aza. **(Sheol h7585)** **23** Havangongoko aminy ny loza betsaka; Ary holaniko aminy ny zana-tsi-pikako: **24** Hofezahin' ny mosary izy sady holanin' ny areti-mandripaka Sy ny fandringanana mangidy; Ary nifim-biby no hampandehaniko aminy Jesorona dia anaran' ny Isiraely. Mbamin' ny poizin' ny biby mpikisaka amin' ny vovoka. **25** Eny ivelany dia ny sabatra no hahafaty ny zanany, Ary ao amin' ny efi-trano dia ny fampahatahorana Na ny zatovolahy na ny zatovovavy, Na ny zaza minono na ny fotsy volo. **26** Fa efa nolazaiko hoe: Hotsofiko hihahaka izy; Hatsahatro ny fahatsiarovana azy tsy ho eo amin' ny zanak' olombelona, **27** Raha tsy ny fireharehan' ny fahavalo no natahorako, Andrao diso hevitra ireny mpandrafy azy ireny Ka hanao hoe: Ny tananay no avo; Fa tsy Jehovah tsy akory no nanao izany rehetra izany. **28** Fa firenena tsy manan-tsaina izy Sady tsy manam-pahalalana. **29** Enga anie ka hendry izy mba hahalala izao Ka hahafantatra izay ho farany. **30** Hataon' ny irery ahoana no fanenjika ny arivo, Ary hataon' ny roa lahy ahoana no fampandositra ny iray alina, Raha tsy ny Vatolampiny no efa nivarotra azy, Ary Jehovah no efa nanolotra azy? **31** Fa tsy mba mitovy amin' ny Vatolampintsika ny vatolampin' ireny, Na dia izy fahavalontsika aza no hitsara. **32** Ny tahom-boalobony dia tahom-boalobok' i Sodoma Ary avy ao amin' ny sahan' i Gomora; Ny voalobony dia voaloboka

mahafaty, Sady mangidy koa ny sampahony. **33** Ny divainy dia zava-mahafaty avy amin' ny dragona, Ary poizina loza avy amin' ny bibilava. **34** Moa tsy voatahiry ato amiko va izany Ka voaisy kase ato an-trano firaketako? **35** Ahy ny famaliana sy ny fampanodiavana, Raha avy izay hahasolafaka ny tongony; Fa antomotra ny andro hahitany loza, Ary ho avy faingana ny zava-boatendry hanjo azy. **36** Fa Jehovah hanome rariny ny olony Ary hanenina ny amin' ny mpanompony, Raha hitany fa lany ny heriny, Ka lasa avokoa na ny voahazona, na ny afaka. **37** Ary hiteny hoe Izy: Aiza ireo andriamaniny, Dia ny vatolampy izay nialofany, **38** Izay nihinana ny saboran' ny fanatiny Ary nisotro ny divain' ny fanatitra aidiny? Aoka ireny no hitsangana ka hamonjy anareo Ary ho fierena ho anareo. **39** Fantaro ankehitriny fa Izaho dia Izaho no Izy, Ka tsy misy andriamanitra eto amiko. Izaho no mahafaty sy mahavelona, Ary Izaho no maharatra sy mahasitrana, Ka tsy misy mahafaka amin' ny tanako. **40** Fa manangana ny tanako amin' ny lanitra Aho Ka manao hoe: Raha velona koa Aho mandrakizay: **41** Raha manasa ny sabatro manelatselatra Aho, Ka voarain' ny tanako ny fitsarana, Dia hampanodiaviko ny mpandrafy Ahy ny ataony, Ary hovaliako ny mankahala Ahy. **42** Hataoko mamon-drà ny zana-tsipikako, Ary ny sabatro hihina-nofo, Dia ny ran' ny voavono sy ny babo Mbamin' ny lohan' izay lehibe amin' ny fahavalo. **43** Mihobia, ry jentilisa mbamin' ny olony; Fa ny ran' ny mpanompony no hovaliany. Hamaly ny mpandrafy Azy Izy, Ary hanao fanavotana kosa ho an' ny taniny sy ny olony. **44** Dia nandeha Mosesy ka nilaza ny teny rehetra amin' izany fihirana izany teo anatrehan' ny olona, dia izy sy Hosea, zanak' i Nona. **45** Ary nony efa tapitra voalazan' i Mosesy tamin' ny Isiraely rehetra izany teny rehetra izany, **46** dia hoy izy taminy: Alatsaho ao am-ponareo ny teny rehetra izay ambarako aminareo anio, izay handidianareo ny zanakareo hotandremany sy hankatoaviny, dia ny teny rehetra amin' ity lalàna ity. **47** Fa tsy zava-poana ho anareo izany, fa izany no fiainanareo; ary izany zavatra izany no hahamaro andro anareo eo amin' ny tany izay efa hidiranareo holovana, rehefa tafita an' i Jordana ianareo. **48** Ary Jehovah niteny tamin' i Mosesy androtrizay indrindra ka nanao hoe: **49** Miakara amin' ity tendrombohitra Abarima ity, dia ny tendrombohitra Nebo, izay eo amin' ny tany Moaba tandrifin' i Jeriko; ary tazano ny tany Kanana, izay omeko ny Zanak' Isiraely ho lovany. **50** Dia aoka ho faty ao amin' ny tendrombohitra izay iakaranao ianao, ka ho voangona any amin' ny razanao, tahaka ny nahafatesan' i Arona rahalahinao tao an-tendrombohitra Hora sy ny nanangonana azy any amin' ny razany, **51** satria nivadika tamiko teo amin' ny Zanak' Isiraely ianareo tao amin' ny ranon' i Meriba any Kadesy, tany an-efitra Zina; fa tsy nahamasina Ahy teo amin' ny Zanak' Isiraely ianareo. **52** Fa hahatazana ny tany eo anoloanao ihany ianao, kanefa tsy hiditra any amin' ny tany izay omeko ny Zanak' Isiraely.

33 Ary izao no tso-drano nataon' i Mosesy, lehilahin' Andriamanitra, tamin' ny Zanak' Isiraely, rehefa nadiva ho faty izy. **2** Hoy izy: Jehovah avy tao Sinay, Ary niseho taminy avy tany Seïra; Niposaka namirapiratra avy tany an-tendrombohitra Parana Izy; Ary avy tao amin' ny masiny tsy omby alinalina; Ary teo ankavanany nisy lalàn' afo ho an' ireo. **3** Eny, tia ireo firenena Izy; Eo an-tananao avokoa ny masiny rehetra; Miandry eo anilan' ny tongotrao ireo Ka samy mandray amin' ny teninao. **4** Lalàna no nandidian' i Mosesy antsika Ho lovan' ny fiangonan' i Jakoba. **5** Ary tonga mpanjakan' i Jesorona Izy, Rehefa tafangona ny lehiben' ny vahoaka Sy ny firenen' Isiraely rehetra. **6** Aoka ho velona ROBENA, fa tsy ho faty, Nefa aoka ho vitsy olona izy. **7** Ary ny amin' i JODA dia izao, hoy izy: Jehovah ô, mihainoa ny feon' i Joda, Ka ento ho amin' ny olony izy. Ny tanany no hiadiany ho azy, Ka manampia azy Hianao hamelezany ny mpandrafy azy. **8** Ary ny amin' i LEVY dia hoy izy: Ny Tomimanao sy ny Orimanao dia amin' ny olonao masìna. Izay nizahanao toetra tao Masa Sy nifamalianao tao amin' ny ranon' i Meriba, **9** Izay nilaza ny rainy sy ny reniny hoe: Tsy mahita azy aho, Sady tsy nahalala izay rahalahiny izy, Ary izay zanany aza dia tsy fantany; Fa nitandrina ny teninao izy Ka nitana ny fanekenao. **10** Jakoba no hampianariny ny fitsipikao, Ary Isiraely ny lalànao; Hametraka ditin-kazo manitra eo anatrehanao' izy Sy fanatitra dorana eo ambonin' ny alitaranao. **11** Jehovah ô, tahio ny heriny, Ary aoka ho sitrakao ny asan' ny tànany; Asio mafy ny valahan' izay mitsangana hiady aminy, Ka aoka tsy hiarina intsony izay mankahala azy. **12** Ary ny amin' i BENJAMINA dia hoy izy: Ny malalan' i Jehovah honina fahizay eo aminy, Dia halofany mandrakariva, Ary hobabeny eo an-damosiny. **13** Ary ny amin' i JOSEFA dia hoy izy: Hotahin' i Jehovah anie ny taniny Amin' ny zava-tsoan' ny lanitra, dia amin' ny ando, Ary amin' ny rano lalina mamitsaka any ambany, **14** Ary amin' ny zava-tsoa vokatry ny masoandro Sy ny voan-javatra soa vokatry ny volana, **15** Ary amin' ny zava-malaza avy amin' ny tendrombohitra fahagola Sy ny zava-tsoa avy amin' ny havoana mandrakizay **16** Mbamin' ny zava-tsoan' ny tany sy izay rehetra eo aminy Sy ny fankasitrahan' Izay nitoetra tao amin' ilay roimemy; Ary aoka ho tonga eo an-dohan' i Josefa izany, Dia eo an-tampon-dohan' ilay nalaza tamin' ny rahalahiny. **17** Ny voalohan-teraky ny ombiny dia malaza, Tandrok' ombimanga ny tandrony; Izany no hanotoany ny firenena rehetra, Dia ny faran' ny tany; Ireo no alinalin' i Efraima Sy arivoarivon' i Manase. **18** Ary ny amin' i ZEBOLONA dia hoy izy: Mifalia, ry Zebolona, amin' izay alehanao, Ary ianao, ry ISAKARA, ao an-dainao. **19** Firenena no antsoiny hankao an-tendrombohitra, Ary ao no hamonoany zavatra ho fanati-pahamarinana; Fa hitsentsitra ny haren' ny ranomasina izy Sy ny zava-tsoa miafina ao amin' ny fasika. **20** Ary ny amin' i GADA dia hoy Izy; Isaorana anie Izay manome malalaka ho an' i Gada; Mamitsaka tahaka ny liom-bavy izy Ka mamiravira ny sandry mbamin' ny tampon-doha. **21** Nizaha izay tsara indrindra ho an' ny tenany izy, Fa teo ny anaran' ny mpanao lalàna no efa voatokana. Niaraka tamin' ny lohan' ny firenena izy, Ary araka ny fahamarinan' i Jehovah ny nataony, Sy araka ny fitsipiny izay iombonany amin' ny Isiraely. **22** Ary ny amin' i DANA dia hoy izy: Dana dia zana-

diona; Miantsampy avy ao Basana izy. **23** Ary ny amin' i NAFTALY dia hoy izy: Ry Naftaly, voky fankasitrahana Ka feno ny fitahian' i Jehovah, Mandovà ny andrefana sy ny atsimo anie ianao. **24** Ary ny amin' i ASERA dia hoy izy: Aoka hotahina mihoatra noho ny zaza maro Asera, Ary hankasitrahana mihoatra noho ny rahalahiny izy Ka hanoboka ny tongony amin' ny diloilo. **25** Ho vy sy varahina ny hidinao; Ary hifamatra amin' ny andronao ny fiadananao. **26** Ry Jesorona, tsy misy tahaka an' Andriamanitra, Izay mitaingina ny lanitra hamonjy anao, Sady mandia ny rahona amin' ny voninahiny. **27** Ny Andriamanitra hatrizay hatrizay no fonenana, Ary ny sandry mandrakizay no eto ambany. Mandroaka ny fahavalo eo anoloanao Izy Ka manao hoe: Aringano. **28** Ary mandry fahizay Isiraely, Mitokana irery ny loharanon' i Jakoba Ao amin' ny tany be vary sy ranomboaloboka, Eny, mampilatsaka ando ny lanitra eo amboniny. **29** Sambatra ianao, ry Isiraely; Iza no tahaka anao, ry olona voavonjin' i Jehovah, Ampingan' ny famonjena anao sy sabatry ny voninahitrao! Hikoy anao ny fahavalonao. Ary ianao handia ny fitoerany avo.

34 Dia niakatra niala teo Arbota-moaba Mosesy ka nankany an-tendrombohitra Nebo, ao an-tampon' i Pisga, izay tandrifin' i Jeriko. Ary nasehon' i Jehovah azy ny tany Gileada rehetra hatrany Dana **2** sy Naftaly rehetra sy ny tanin' ny Efraima sy ny Manase sy ny tanin' ny Joda rehetra hatramin' ny ranomasina andrefana **3** ary ny tany atsimo sy ny ao amin' ny lohasahan' i Jeriko, tanàna be rofia hatrany Zoara. **4** Dia hoy Jehovah taminy: Io no tany izay nianianako tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba hoe: Homeko ny taranakao izy; nataoko mahita azy ny masonao, nefa tsy ho tafita ho tonga eny ianao. **5** Ary Mosesy, mpanompon' i Jehovah, dia maty teo amin' ny tany Moaba araka ny tenin' i Jehovah. **6** Ary naleviny tao an-dohasaha tao amin' ny tany Moaba, tandrifin' i Betipeora, izy; ka tsy misy olona mahalala ny fasany mandraka androany. **7** Efa roa-polo amby zato taona Mosesy vao maty; ary tsy pahina ny masony, na nihena ny heriny. **8** Ary ny Zanak' Isiraely nisaona an' i Mosesy telo-polo andro teo Arbota-moaba; dia tapitra ny andro fitomaniana nisaonana an' i Mosesy. **9** Ary Josoa, zanak' i Nona, dia feno ny fanahim-pahendrena, fa efa nametrahan' i Mosesy tanana izy; dia nihaino azy ny Zanak' Isiraely ka nanao araka izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **10** Ary tsy nisy mpaminany intsony niseho teo amin' ny Isiraely tahaka an' i Mosesy, izay fantatr' i Jehovah nifanatrika **11** tamin' ny famantarana rehetra sy ny fahagagana, izay nanirahan' i Jehovah azy mba hataony tany Egypta tamin' i Farao sy ny mpanompony rehetra ary ny taniny rehetra **12** ary tamin' ny herin-tanana rehetra sy ny fampahatahorana lehibe rehetra, izay nasehon' i Mosesy teo imason' ny Isiraely rehetra.

Josoa

1 Ary rehefa maty Mosesy, mpanompon' i Jehovah, dia hoy Jehovah tamin' i Josoa, zanak' i Nona, mpanompon' i Mosesy: **2** Efa maty Mosesy mpanompoko; koa mitsangàna, mità ity Jordana ity ianao sy ireo olona rehetra ireo ho any amin' ny tany izay omeko azy, dia ny Zanak' Isiraely. **3** Ny tany rehetra izay hodiavin' ny faladianareo dia efa nomeko anareo, araka izay voalazako tamin' i Mosesy. **4** Hatramin' ny efitra sy iry Libanona iry ary hatramin' ny ony lehibe, dia ny ony Eofrata, ny tany rehetra izay an' ny Hetita, ka hatramin' ny Ranomasina Lehibe any andrefana no ho taninareo. **5** Tsy hisy olona hahajanona eo anoloanao amin' ny andro rehetra hiainanao; tahaka ny nombako an' i Mosesy no hombako anao koa; tsy handao anao na hahafoy anao Aho. **6** Mahereza sy matanjaha; fa ianao no hampandova ity firenena ity ny tany izay nianianako tamin' ny razany homena azy. **7** Koa mahereza sy matanjaha tsara ianao, hitandremanao hanao araka ny lalana rehetra, izay nandidian' i Mosesy mpanompoko anao; aza miala aminy, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia, mba hambinina ianao amin' izay rehetra alehanao. **8** Aoka tsy hiala amin' ny vavanao ity bokin' ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman' alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin' izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sady hambinina. **9** Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin' izay rehetra alehanao. **10** Ary Josoa nandidy ny mpifehy ka nanao hoe: **11** Andeha mamaky ny toby, ka mandidia ny olona hoe: Manamboara vatsy ho anareo; fa raha afaka hateloana, dia hita ity Jordana ity ianareo ka hiditra sy handova ny tany izay omen' i Jehovah Andriamanitrareo ho lovanareo. **12** Ary ny Robenita sy ny Gadita ary ny antsasaky ny firenen' i Manase dia nilazan' i Josoa hoe: **13** Tsarovy ny teny izay nandidian' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, anareo hoe: Jehovah Andriamanitrareo manome fitsaharana ho anareo, ary homeny ho anareo izao tany izao. **14** Ny vadinareo sy ny zanakareo madinika ary ny biby fiompinareo dia hitoetra eo amin' ny tany izay nomen' i Mosesy anareo etỳ an-dafin' i Jordana; fa ianareo lehilahy mahery rehetra dia samy ho voaomana hiady ka hita eo alohan' ny rahalahinareo hanampy azy, **15** mandra-panomen' i Jehovah fitsaharana ny rahalahinareo tahaka anareo, ka mba holovany kosa ny tany izay nomen' i Jehovah Andriamanitrareo azy; dia hiverina ho any amin' ny taninareo ianareo ka handova azy, dia ilay nomen' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, anareo etỳ an-dafy atsinanan' i Jordana. **16** Dia namaly an' i Josoa izy ireo ka nanao hoe: Izay rehetra andidianao anay dia hataonay; ary izay rehetra anirahanao anay dia halehanay. **17** Araka ny nihainoanay an' i Mosesy tamin' ny zavatra rehetra no hihainoanay anao koa; homba anao anie Jehovah Andriamanitrao tahaka ny nombany an' i Mosesy. **18** Izay rehetra mandà ny didinao ka tsy mihaino ny teninao amin' izay rehetra andidianao azy dia hatao maty; koa mahereza sy matanjaha ianao.

2 Ary Josoa, zanak' i Nona, dia naniraka mpisafo roa lahy mangingina avy tany Sitima ka niteny taminy hoe: Mandehana, izahao ny tany, indrindra fa Jeriko. Dia niainga izy roa lahy ary niditra tao an-tranon' ny vehivavy janga anankiray atao hoe Rahaba, ka nandry tao. **2** Ary nisy nilaza tamin' ny mpanjakan' i Jeriko hoe: Injao, misy olona avy tamin' ny Zanak' Isiraely tonga atỳ izao alina izao hisafo ny tany. **3** Dia naniraka tao amin' i Rahaba ny mpanjakan' i Jeriko ka nanao hoe: Avoahy ireo lehilahy tonga ato an-tranonao ireo; fa hisafo ny tany no nihaviany. **4** Dia nalain-dravehivavy izy roa lahy ka nafeniny ary hoy izy: Tonga tatỳ amiko ihany tokoa ireny lehilahy ireny, nefa tsy fantatro izay nihaviany; **5** ary rehefa maizina ny andro, ka hohidiana ny vavahady, dia lasa nivoaka izy, ka tsy fantatro indray izay nalehany; enjeho faingana izy, fa ho tratranareo. **6** Kanjo efa nampiakarin-dravehivavy any an-tampon-trano izy ka nafeniny ao amin' ny tahon-drongony, izay efa nalahany teo amin' ny tampon-trano. **7** Ary ireo olona dia nanenjika azy tamin' ny lalana mankany Jordana hatrany amin' ny fitàna; ary rehefa lasa nivoaka izay nanenjika azy, dia nohidiana ny vavahady. **8** Ary raha mbola tsy natory izy roa lahy, dia niakatra nankao aminy tao an-tampontrano ravehivavy **9** ka nanao taminy hoe: Fantatro fa efa nomen' i Jehovah anareo ny tany, ary efa latsaka aminay ny fahatahorana anareo, sady efa ketraka ny mponina rehetra amin' ny tany noho ny tahotra anareo. **10** Fa efa renay ny nanamainan' i Jehovah ny Ranomasina Mena teo anoloanareo tamin' ny nivoahanareo avy tany Egypta, sy izay nataonareo tamin' ny mpanjaka roa tamin' ny Amorita, izay tany an-dafin' i Jordana, dia Sihona sy Oga, izay novonoinareo. **11** Koa nony efa renay izany, dia ketraka ny fonay, ka very hevitra avokoa izahay noho ny aminareo; fa Jehovah Andriamanitrareo, Izy no Andriamanitra any amin' ny lanitra ambony sy etỳ amin' ny tany ambany. **12** Koa ankehitriny, masìna ianareo, mba ianiano amin' i Jehovah aho fa araka ny namindrako fo taminareo no mba hamindranareo fo amin' ny ankohonan' ny raiko kosa, ka omeo famantarana mahatoky aho **13** fa hovelominareo ny raiko sy ny reniko sy ny anadahiko sy ny rahavaviko ary izay rehetra mety ho azy; dia hamonjy ny ainay tsy ho faty ianareo. **14** Dia hoy izy roa lahy taminy: Ny ainay no ho faty hisolo anareo, raha tsy holazainareo izao raharahanay izao; ary raha omen' i Jehovah anay ny tany, dia hamindra fo sy hanao izay marina aminao izahay. **15** Dia nampidina azy tamin' ny mahazaka avy teo amin' ny varavarankely izy; fa teo amin' ny màndan' ny tanàna ny tranony, ary teo amin' ny manda no nitoerany. **16** Dia hoy izy taminy: Mandehana any an-tendrombohitra, fandrao hifanena aminareo ny mpanenjika, ka miere any hateloana mandra-piveriny; ary rehefa afaka izany, dia vao mandehana any amin' izay halehanareo. **17** Ary hoy izy roa lahy taminy: Izao no tsy hanananay tsiny ny amin' izany fianianana nampianianinao anay izany: **18** Indro, rehefa tonga eto amin' ny tany izahay, dia hafehinao eo amin' ny varavarankely izay nampidinanao anay io kofehy jaky io; ary ny rainao sy ny reninao sy ny anadahinao mbamin' ny ankohonan' ny rainao rehetra dia hovorinao ho ao an-tranonao; **19** ary izay rehetra mivoaka eo am-

baravaran' ny tranonao ho eny ivelany, dia ho eo an-dohany ihany ny ràny, ary izahay tsy hanan-tsiny; fa izay rehetra mitoetra ao aminao ao an-trano, dia ho eo an-dohanay kosa ny ràny, raha tàhiny misy olona maninona azy akory; **20** fa raha tàhiny hambarambaranao izao raharahanay izao, dia ho afaka amin' ny fianianana izay nampianianinao anay izahay. **21** Dia hoy ravehivavy: Eny ary, fa marina izany. Dia nampandehaniny izy roa lahy, ka lasa izy; ary nafehiny teo amin' ny varavarankely ilay kofehy jaky. **22** Dia nandeha izy roa lahy ka nankany an-tendrombohitra ary nitoetra tany hateloana mandra-piverin' ny mpanenjika; ary nitady azy tamin' ny lalana rehetra ny mpanenjika, nefa tsy nahita. **23** Dia niverina izy roa lahy ka nidina avy tany an-tendrombohitra, dia nita ny ony ary nankany amin' i Josoa, zanak' i Nona, ka nilaza ny zavatra rehetra izay efa nihatra taminy, **24** ka hoy izy tamin' i Josoa: Efa natolotr' i Jehovah eo an-tanantsika tokoa ny tany rehetra; ary efa ketraka ny mponina rehetra amin' ny tany noho ny tahotra antsika.

3 Dia nifoha maraina koa Josoa; ary ny olona dia niala tany Sitima ka nankany Jordana, dia Josoa sy ny Zanak' Isiraely rehetra, ary nitoetra teo izy aloha vao nita. **2** Ary rehefa afaka hateloana, dia nandeha namaky ny toby ny mpifehy **3** ka nandidy ny olona hoe: Rehefa hitanareo ny fiaran' ny faneken' i Jehovah Andriamanitrareo ary ny Levita mpisorona mitondra azy, dia mialà amin' izay itoeranareo, ka manaraha azy **4** (kanefa asio elanelany, tokony ho roa arivo hakiho, aminareo sy izy, fa aza manakaiky azy), mba ho fantatrareo ny lalana izay mety halehanareo; fa tsy mbola nalehanareo akory izao lalana izao. **5** Ary hoy Josoa tamin' ny olona: Manamasìna ny tenanareo: fa rahampitso dia hanao fahagagana eo aminareo Jehovah. **6** Ary niteny tamin' ny mpisorona Josoa ka nanao hoe: Ento ny fiaran' ny fanekena, ka mitàeo anoloan' ny olona. Dia nitondra ny fiaran' ny fanekena izy ka nandeha teo anoloan' ny olona. **7** Ary hoy Jehovah tamin' i Josoa: Anio no hanandratako anao eo imason' ny Isiraely rehetra, hahafantarany fa tahaka ny nombako an' i Mosesy no hombako anao koa. **8** Ary mandidia ny mpisorona izay mitondra ny fiaran' ny fanekena, ka ataovy hoe: Rehefa mihatra amin' ny moron' i Jordana ianareo, dia mijanòna eo Jordana ihany. **9** Ary Josoa nanao tamin' ny Zanak' Isiraely hoe: Mankanesa atỳ, ka mihainoa ny tenin' i Jehovah Andriamanitrareo. **10** Dia hoy Josoa: Izao no hahafantaranareo fa eo aminareo Andriamanitra velona, ka horoahiny eo alohanareo tokoa ny Kananita sy ny Hetita sy ny Hivita sy ny Perizita sy ny Girgasita sy ny Amorita ary ny Jebosita: **11** Indro, ny fiaran' ny faneken' ny Tompon' ny tany rehetra no mandroso eo alohanareo ho eo Jordana; **12** koa ankehitriny mangalà lehilahy roa ambin' ny folo amin' ny firenen' Isiraely ho anareo, dia iray avy isam-pirenena; **13** ary raha vao mijanona eo amin' ny rano Jordana ny faladian' ny mpisorona izay mitondra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, Tompon' ny tany rehetra, dia ho tapaka ny rano Jordana, dia ny rano izay midìna avy any ambony, ka hijanona ho toy ny antontan-javatra. **14** Ary raha niala tamin' ny lainy hita an' i Jordana ny olona, ary ny mpisorona nitondra ny fiaran' ny fanekena eo alohan' ny olona, **15** ka tonga teo Jordana izay nitondra ny fiara, ary naroboky ny mpisorona izay nitondra ny fiara tamin' ny sisin-drano ny tongony (fa tondraka mihoatra ny morony rehetra Jordana mandritra ny fararano), **16** dia nijanona ny rano izay nidina avy tany ambony ka tonga toy ny antontan-javatra terỳ lavitra erỳ, dia terỳ amin' ny tanàna Adama, izay eo anilan' i Zaretana; eny, tapaka tokoa ny rano izay nidina ho any amin' ny ranomasin' ny tani-hay, dia ny Ranomasin-tsira; ary ny olona dia nita tandrifin' i Jeriko. **17** Ary ny mpisorona izay nitondra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah dia nijoro tsara tamin' ny tany maina teo afovoan' i Jordana, ary ny Isiraely rehetra nandeha tamin' ny tany maina mandra-pahatafitan' izy rehetra an' i Jordana.

4 Ary rehefa tafita an' i Jordana avokoa ny olona rehetra, Jehovah dia niteny tamin' i Josoa hoe: **2** Mangalà lehilahy roa ambin' ny folo amin' ny olona, dia iray avy isam-pirenena, **3** ka mandidia azy hoe: Makà vato roa ambin' ny folo eo afovoan' i Jordana eo amin' ilay nijoroan' ny tongotry ny mpisorona, dia ento miaraka aminareo, ka avelao eo amin' izay handrianareo anio alina. **4** Dia nantsoin' i Josoa ny lehilahy roa ambin' ny folo, izay nofidiny tamin' ny Zanak' Isiraely dia iray avy isam-pirenena, **5** ary hoy izy taminy: Mandehana eo alohan' ny fiaran' i Jehovah Andriamanitrareo ho eo afovoan' i Jordana, ka samia manainga vato iray avy ho eny an-tsorony ianareo rehetra, araka ny isan' ny firenen' ny Zanak' Isiraely, **6** mba ho famantarana eo aminareo izany, raha manontany ny zanakareo amin' ny andro ho avy manao hoe: Inona no ataonareo ho anton' ireo vato ireo? **7** dia holazainareo aminy hoe: Tapaka ny rano Jordana teo anoloan' ny fiaran' ny faneken' i Jehovah; fa raha nita an' i Jordana ny fiara, dia tapaka ny rano; ary ireo vato ireo dia ho fahatsiarovana mandrakizay ho an' ny Zanak' Isiraely. **8** Dia nanao izany ny Zanak' Isiraely araka izay nandidian' i Josoa ka naka vato roa ambin' ny folo teo afovoan' i Jordana, araka izay nolazain' i Jehovah tamin' i Josoa, araka ny isan' ny firenen' ny Zanak' Isiraely ka nentiny nita niaraka taminy ho eo amin' izay nitobiany ka napetrany teo. **9** Ary vato roa ambin' ny folo no natsangan' i Josoa teo Jordana, teo amin' ilay nijoroan' ny tongotry ny mpisorona izay nitondra ny fiaran' ny fanekena; ary mbola ao ihany ireny mandraka androany. **10** Fa ny mpisorona izay nitondra ny fiara nijanona teo afovoan' i Jordana mandra-pahavitan' ny zavatra rehetra izay nandidian' i Jehovah an' i Josoa holazaina amin' ny olona, araka izay rehetra nandidian' i Mosesy an' i Josoa; dia nita faingana ny olona. **11** Ary rehefa tafita avokoa ny olona rehetra, dia nita koa ny fiaran' i Jehovah sy ireo mpisorona teo anoloan' ny olona. **12** Ary ny taranak' i Robena sy ny taranak' i Gada ary ny antsasaky ny firenen' i Manase dia samy efa voaomana hiady ka nita teo alohan' ny Zanak' Isiraely koa, araka izay efa nolazain' i Mosesy taminy. **13** Tokony ho lehilahy efatra alina efa voaomana hiady no nita teo anatrehan' i Jehovah hanafika, ho eo amin' ny tani-hay any Jeriko. **14** Tamin' izany andro izany no nanandratan' i Jehovah an' i Josoa teo

imason' ny Isiraely rehetra; ka dia natahotra azy ny olona, tahaka ny efa natahorany an' i Mosesy, tamin' ny andro rehetra niainany. **15** Ary Jehovah niteny tamin' i Josoa ka nanao hoe: **16** Mandidia ny mpisorona izay mitondra ny fiaran' ny Vavolombelona hiakatra hiala eo Jordana. **17** Dia nandidy ny mpisorona Josoa ka nanao hoe: Miakara hiala eo Jordana ianareo. **18** Ary rehefa niakatra niala teo afovoan' i Jordana ka nanainga ny faladiany ho eo amin' ny tanety ireo mpisorona izay nitondra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah ireo, dia avy indray ny rano Jordana nankamin' ny fitoerany ka nihoatra ny morony rehetra tahaka ny teo aloha ihany. **19** Ary ny olona niakatra niala teo Jordana tamin' ny andro fahafolo tamin' ny volana voalohany ka nitoby tany Gilgala, teo amin' ny sisin-tany atsinanan' i Jeriko. **20** Ary ireny vato roa ambin' ny folo nalainy teo Jordana ireny dia natsangan' i Josoa tany Gilgala. **21** Dia niteny tamin' ny Zanak' Isiraely izy ka nanao hoe: Raha manontany ny rainy ny taranakareo any amin' ny andro ho avy hoe: Inona no anton' ireo vato ireo? **22** dia hambaranareo aminy hoe: Tamin' ny tany maina no nitan' ny Isiraely ity Jordana ity. **23** Fa nataon' i Jehovah Andriamanitrareo maina ny falehan' ny rano Jordana teo anoloanareo mandra-pitanareo, dia tahaka ny nataon' i Jehovah Andriamanitrareo tamin' ny Ranomasina Mena, izay nataony maina teo anoloantsika mandra-pitantsika, **24** mba ho fantatry ny firenena rehetra ambonin' ny tany fa mahery ny tànan' i Jehovah, ary mba hatahorany an' i Jehovah Andriamanitrareo mandrakizay.

5 Ary ny mpanjaka rehetra amin' ny Amorita any an-dafy andrefan' i Jordana sy ny mpanjaka rehetra tamin' ny Kananita any amoron' ny ranomasina, rehefa nandre ny nanamainan' i Jehovah ny rano Jordana teo anoloan' ny Zanak' Isiraely mandra-pitany, dia ketraka ny fony ka very hevitra izy noho ny tahony ny Zanak' Isiraely. **2** Tamin' izany andro izany no nilazan' i Jehovah tamin' i Josoa hoe: Manaova fiharatra vato ho anao, ka atombohy indray ny famorana ny Zanak' Isiraely. **3** Dia nanao fiharatra vato ho azy Josoa ka namora ny Zanak' Isiraely teo an-kavoana Haralota. **4** Ary izao no anton' ny namoran' i Josoa azy: Ny lehilahy rehetra izay nivoaka avy tany Egypta, dia ny mpanafika rehetra, samy maty tany an-fitra teny an-dalana, tamin' izy efa nivoaka avy tany Egypta. **5** Ary voafora ny lehilahy rehetra izay nivoaka; fa ny lehilahy rehetra nateraka teny an-dalana tany an-efitra, tamin' izy efa nivoaka avy tany Egypta, dia tsy mbola voafora kosa. **6** Fa efa-polo taona no nandehanan' ny Zanak' Isiraely tany an-efitra, mandra-pahalany ritran' ny olona rehetra, dia ny mpanafika izay nivoaka avy tany Egypta, satria tsy nihaino ny feon' i Jehovah izy; dia ireo no nianianan' i Jehovah fa tsy havelany hahita ny tany izay nianianan' i Jehovah tamin' ny razana homeny antsika, dia tany tondra-dronono sy tantely. **7** Ary ny zanany no natsangany handimby azy, ka ireo no noforan' i Josoa; fa tsy mbola voafora ireo, satria tsy noforana teny an-dalana. **8** Ary rehefa noforana ny lehilahy rehetra, dia nitoetra tao amin' ny fitoerany tany antoby izy mandra-pahasitrany. **9** Dia hoy Jehovah tamin' i Josoa: Androany no nanakodiavako ny fandatsan' i Egypta ho afaka aminareo. Ary ny anaran' izany tany izany dia nataony hoe Gilgala mandraka androany. **10** Ary ny Zanak' Isiraely nitoby tany Gilgala ka nitandrina ny Paska tamin' ny harivan' ny andro fahefatra ambin' ny folo tamin' ny volana, teo amin' ny tani-hay any Jeriko. **11** Ary nony ampitson' ny Paska, dia nihinana ny vokatry ny tany izy tamin' izany andro izany indrindra, dia mofo tsy misy masirasira sy lango. **12** Ary nitsahatra ny mana tamin' iny andro ampitso iny, dia tamin' ny nihinanany ny vokatry ny tany, ka tsy nisy mana ho an' ny Zanak' Isiraely intsony; fa nihinana ny vokatry ny tany Kanana izy tamin' izany taona izany. **13** Ary nony teo akaikin' i Jeriko Josoa, dia nanopy ny masony izy ka nijery, ary, indro, nisy lehilahy nitsangana tandrifiny, ka ny sabany voatsoaka dia teny an-tànany; ary nanatona Azy Josoa ka nanao taminy hoe: Namanay va Hianao, sa naman' ny fahavalonay? **14** Dia hoy Izy: Tsia; fa Izaho dia Komandin' ny miaramilan' i Jehovah ka tonga atỳ ankehitriny. Dia niankohoka tamin' ny tany Josoa ka nanao taminy hoe: Inona no holazainao amin' ny mpanomponao, Tompokolahy? **15** Dia hoy Ilay Komandin' ny miaramilan' i Jehovah tamin' i Josoa: Esory amin' ny tongotrao ny kapanao; fa masìna io tany ijanonanao io. Dia nataon' i Josoa izany.

6 Ary nihidy mafy Jeriko tamin' izany noho ny Zanak' Isiraely: tsy nisy nivoaka, ary tsy nisy niditra. **2** Ary hoy Jehovah tamin' i Josoa: Indro, efa natolotro eo an-tananao Jeriko sy ny mpanjakany mbamin' ny lehilahy mahery. **3** Koa mandehana manodidina ny tanàna indray mandeha ianareo mpanafika rehetra; henemana no hanaovanao izany. **4** Ary asio mpisorona fito mitondra anjomara fito mafy faneno eo alohan' ny fiara; ary amin' ny andro fahafito dia hodidino impito ny tanàna, ary aoka ny mpisorona hitsoka ny anjomara. **5** Ary raha manao feo lavareny ny anjomara mafy faneno, ka renareo ny feon' ny anjomara, dia hanakora mafy ny vahoaka rehetra; ka dia hirodana amin' izay ny màndan' ny tanàna, ary hiakatra samy hizotra amin' izay hitsiny avy ny olona. **6** Dia niantso ny mpisorona Josoa, zanak' i Nona, ka nanao taminy hoe: Ento ny fiaran' ny fanekena, ary asio mpisorona fito mitondra anjomara fito mafy faneno eo alohan' ny fiaran' i Jehovah. **7** Dia hoy izy tamin' ny vahoaka: Mandehana, ka manodidina ny tanàna, ary aoka ny olona efa voaomana hiady handeha eo alohan' ny fiaran' i Jehovah. **8** Ary rehefa niteny tamin' ny vahoaka Josoa, dia nandeha ireo mpisorona fito nitondra ny anjomara fito mafy faneno teo alohan' i Jehovah ka nitsoka ny anjomara; ary ny fiaran' ny faneken' i Jehovah nanaraka azy. **9** Ary ny olona efa voaomana hiady dia nandeha teo alohan' ny mpisorona izay nitsoka ny anjomara, ary ny vodi-lalana nanaraka ny fiara; ary notsofina teny ampandehanana ny anjomara. **10** Ary ny vahoaka efa noraran' i Josoa hoe: Aza manakora na mamoaka feo na miloabava akory aza mandra-pahatongan' ny andro hanaovako aminareo hoe: Manakorà! dia vao amin' izay ianareo no hanakora. **11** Ary nanodidina ny tanàna indray mandeha ny fiaran' i Jehovah; dia nankany an-toby ny olona ka nitoetra tany. **12** Dia nifoha maraina koa Josoa, ary ny mpisorona

nitondra ny fiaran' i Jehovah. **13** Ary ny mpisorona fito izay nitondra ny anjomara fito mafy faneno teo alohan' ny fiaran' i Jehovah dia nandeha mandrakariva ka nitsoka ny anjomara; ary ny olona efa voaomana hiady dia nandeha teo alohany; ary ny vodi-lalana kosa dia nanaraka ny fiaran' i Jehovah; ary notsofina teny am-pandehanana ny anjomara. **14** Dia nanodidina ny tanàna indray mandeha koa izy tamin' ny andro faharoa ka niverina tany an-toby; henemana no nanaovany toy izany. **15** Ary tamin' ny andro fahafito dia nifoha maraina koa izy, raha mbola nazava ratsy ny andro ka nanodidina ny tanàna impito toy ny nataony teo, nefa tamin' izany andro izany ihany no nanodidina ny tanàna impito izy. **16** Ary tamin' ny nandehanany fanimpitony, raha nitsoka ny anjomara ny mpisorona, dia hoy Josoa tamin' ny vahoaka: Manakorà! fa efa nomen' i Jehovah anareo ny tanàna. **17** Dia hatolotra ho an' i Jehovah ho zavatra voaozona ny tanàna sy izay rehetra ao; fa Rahaba janga ihany no hovelomina, dia izy sy izay rehetra ao aminy ao an-trano, satria nanafina ny iratsika izy. **18** Kanefa mitandrema kosa ianareo ny amin' ny zavatra voaozona, fandrao manolotra zavatra ho voaozona ianareo, nefa maka amin' ny zavatra voaozona kosa, ka mahatonga ny tobin' ny Isiraely ho voaozona ary mampidi-doza aminy. **19** Fa ny volafotsy sy ny volamena rehetra ary ny fanaka varahina sy vy dia masìna ho an' i Jehovah; hatao ao amin' ny rakitr' i Jehovah izany. **20** Dia nanakora ny olona, ary notsofina ny anjomara; ary nony ren' ny vahoaka ny feon' ny anjomara, dia nanakora mafy izy, ka nirodana tamin' izay ny manda, ary niakatra tao an-tanàna samy nizotra tamin' izay hitsiny avy ny olona, ka afaka ny tanàna. **21** Ary naringany tamin' ny lelan-tsabatra izay rehetra tao an-tanana, na lehilahy na vehivavy, na tanora na antitra, na omby, na ondry aman' osy, na boriky. **22** Ary izy roa lahy izay efa nisafo ny tany dia efa nilazan' i Josoa hoe: Mankanesa ao amin' ny tranon' ilay vehivavy janga, ka ento mivoaka ravehivavy sy ny havany rehetra ary izay mety ho azy, araka izay nianiananareo taminy. **23** Dia nankao ireo zatovo nisafo ireo ka nitondra an-dRahaba nivoaka sy ny rainy aman-dreniny sy ny anadahiny ary ny havany rehetra mbamin' izay nety ho azy; dia nitondra ny mpianakaviny rehetra nivoaka izy ka nametraka azy teo ivelan' ny tobin' ny Isiraely. **24** Ary ny tanàna sy izay rehetra tao dia nodorany tamin' ny afo, nefa ny volafotsy sy ny volamena ary ny fanaka varahina sy vy dia nataony tao amin' ny rakitry ny tranon' i Jehovah. **25** Fa Rahaba janga sy ny ankohonan' ny rainy sy ny havany rehetra mbamin' izay nety ho azy dia novelomin' i Josoa, ary mitoetra eo amin' ny Isiraely mandraka androany ravehivavy, satria nanafina ny iraka izay efa nirahin' i Josoa hisafo an' i Jeriko izy. **26** Dia nilaza fanozonana Josoa tamin' izany andro izany ka nanao hoe: Ho voaozona eo anatrehan' i Jehovah izay olona mitsangana manorina ity tanàna Jeriko ity indray; ny ain' ny lahimatoany no ho sazin' ny hanorenany ny fanambaniny, ary ny ain' ny faralahiny no ho sazin' ny hananganany ny vavahadiny. **27** Ary Jehovah nomba an' i Josoa, ka niely tamin' ny tany rehetra ny lazany.

7 Fa ny Zanak' Isiraely nandika ny didy ny amin' ny zavatra voaozona; fa Akana, zanak' i Karmy, zanak' i Zabdy, zanak' i Zera, avy tamin' ny firenen' i Joda, naka tamin' ny zavatra efa voaozona, ka dia nirehitra tamin' ny Zanak' Isiraely ny fahatezeran' i Jehovah. **2** Ary Josoa naniraka olona hiala tany Jeriko hankany Ay, izay eo anilan' i Betavena, atsinanan' i Betela, ka niteny taminy hoe: Miakara, ka safoy ny tany. Dia niakatra ny olona ka nisafo an' i Ay. **3** Ary niverina tany amin' i Josoa izy ireo ka nanao taminy hoe: Aoka tsy hiakatra avokoa ny vahoaka rehetra; fa olona tokony ho roa arivo na telo arivo no aoka hiakatra hamely an' i Ay; aza manasatra ny vahoaka rehetra hankany, fa vitsy ihany izy. **4** Dia niakatra nankany ny olona sasany, tokony ho telo arivo lahy; kanjo nandositra teo anoloan' ny mponina tao Ay ireo. **5** Dia nahafaty tokony ho enina amby telo-polo lahy ny mponina tao Ay sady nanenjika azy teo anoloan' ny vavahady ka hatrany Sebarima izy ary namely azy teny am-pidinana; dia ketraka ny fon' ny vahoaka ka tonga tahaka ny rano. **6** Dia notriarin' i Josoa ny fitafiany, ka niankohoka tamin' ny tany teo anoloan' ny fiaran' i Jehovah mandra-paharivan' ny andro izy sy ny loholon' ny Isiraely, sady nasiany vovoka ny lohany. **7** Ary hoy Josoa: Indrisy, Jehovah Tompo ô! nahoana no nampita ity firenena ity foana teo Jordana Hianao, hanoloranao anay eo an-tànan' ny Amorita handringanana anay? Inay anie izahay mba nety nitoetra tany an-dafin' i Jordana ihany! **8** Indrisy, Tompo ô! inona intsony no holazaiko, fa ny Isiraely efa niamboho teo anoloan' ny fahavalony? **9** Ary ho ren' ny Kananita sy ny mponina rehetra amin' ny tany izany, dia hanodidina anay izy ka hamono ny anaranay tsy ho eo amin' ny tany intsony; ary hataonao ahoana ny anaranao lehibe? **10** Dia hoy Jehovah tamin' i Josoa: Mitsangàna; nahoana no miankohoka toy izao ianao? **11** Efa nanota ny Isiraely ka nivadika ny fanekeko izay nandidiako azy; fa efa naka tamin' ny zavatra voaozona izy, sady nangalatra sy namitaka koa, ka nataony ao amin' ny entany. **12** Koa tsy mahajanona eo anoloan' ny fahavalony ny Zanak' Isiraely; miamboho eo anoloan' ny fahavalony izy, satria tonga voaozona. Tsy homba anareo intsony Aho, raha tsy holevonina tsy ho eo aminareo ny zavatra efa voaozona. **13** Mitsangana, manamasìna ny vahoaka, ka lazao hoe: Manamasìna ny tenanareo mandra-pahamaraina; fa izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Eo aminao misy zavatra efa voaozona, ry Isiraely; koa tsy mahajanona eo anoloan' ny fahavalonao ianao mandra-panaisotrareo ny zavatra efa voaozona tsy ho eo aminareo intsony. **14** Dia hampanatonina ianareo raha maraina araka ny firenenareo avy; koa ny firenena izay tanan' i Jehovah dia hanatona isam-pokony; ary ny foko izay tanan' i Jehovah dia hanatona indray isam-pianakaviana; ary ny fianakaviana izay tanan' i Jehovah dia hanatona indray isam-batan' olona. **15** Koa izay azo mitana ny zavatra voazona, dia hodorana amin' ny afo izy mbamin' izay rehetra mety ho azy, satria nivadika ny faneken' i Jehovah izy ka nanao izay fady indrindra teo amin' ny Isiraely. **16** Dia nifoha maraina koa Josoa ka nampanatona ny Isiraely araka

ny fireneny avy; ary ny firenen' i Joda no notanana. **17** Dia nitondra ireo fokon' i Joda izy; ka ny fianakavian' i Zera no notanana; dia nampanatona ny fianakavian' i Zera indray isam-batan' olona izy, ka Zabdy no notanana; **18** dia nampanatona ny ankohonany araka ny olona tsirairay izy; dia Akana, zanak' i Karmy, zanak' i Zabdy zanak' i Zera, avy tamin' ny firenen' i Joda, no notanana. **19** Dia hoy Josoa tamin' i Akana: Anaka, masìna ianao, omeo voninahitra Jehovah Andriamanitry ny Isiraely, ka mitsora aminy; ary lazao amiko ankehitriny izay nataonao; aza afeninao ahy izany. **20** Ary Akana namaly an' i Josoa ka nanao hoe; Eny tokoa, izaho no nanota tamin' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, ary izao ka izao no nataoko: **21** Nahita kapôty tsara avy any Babylona aho sy sekely volafotsy roanjato ary anja-bolamena, lanjan-tsekely dimam-polo, tamin' ny babo, dia nitsiriritra ireny aho ka naka; ary, indreo, voàfina ao ambanin' ny tany ao amin' ny laiko ireny, ary ny volafotsy ao ambaniny. **22** Dia naniraka olona Josoa, ka nihazakazaka nankany amin' ny lay ireo, ary, indro, voàfina tao anatin' ny lainy ny zavatra, ary ny volafotsy tao ambaniny. **23** Dia nalainy avy ao amin' ny lay ireny ka nentiny teo amin' i Josoa sy ny Zanak' Isiraely rehetra, ary napetrany teo anatrehan' i Jehovah **24** Dia nalain' i Josoa sy ny Isiraely rehetra Akana, zanak' i Zera, ary ny volafotsy sy ny kapôty sy ny anja-bolamena ary ny zananilahy sy ny zananivavy ary ny ombiny sy ny borikiny sy ny ondriny aman' osiny ary ny lainy mbamin' izay rehetra nety ho azy; dia nentiny ho ao an-dohasaha Akora ireny. **25** Ary hoy Josoa: Adray ny loza nampidirinao taminay! Mba hahatonga loza aminao kosa Jehovah anio. Dia nitora-bato azy ny Isiraely rehetra ary nandoro ireny tamin' ny afo sady nanangom-bato teo amboniny. **26** Dia nanao antontam-bato lehibe hanarona azy mandraka androany izy. Ary Jehovah dia nionona tamin' ny fahatezerany mirehitra. Izany no nanaovana ny anaran' izany tany mandraka androany hoe Lohasaha Akora.

8 Dia hoy Jehovah tamin' i Josoa: Aza matahotra na mivadi-po ianao, ento miaraka aminao ny vahoaka rehetra mpanafika, ka miaingà, iakaro Ay; indro, efa natolotro eo an-tananao ny mpanjakan' i Ay mbamin' ny vahoakany sy ny tanànany ary ny taniny. **2** Dia tahaka ny nataonao tamin' i Jeriko sy ny mpanjakany no hataonao koa amin' i Ay sy sy mpanjakany; nefa ny fananana rehetra sy ny biby fiompy ao dia halainareo ho babo ho anareo ihany; asio otrika eo ankoatry ny tanàna. **3** Dia niainga Josoa sy ny mpanafika rehetra hiakatra any Ay, ary nifidy lehilahy mahery telo alina Josoa ka nandefa ireo tamin' ny alina. **4** Dia nandidy azy izy ka nanao hoe: Indro, ianareo hanotrika eo ivohon' ny tanàna hamely azy, ka aza manalavitra azy loatra, fa miomàna ianareo rehetra. **5** Ary izaho sy ny vahoaka rehetra izay miaraka amiko kosa dia hanatona ny tanàna; ary rehefa mivoaka hamely anay tahaka ny teo ny olona, dia handositra eo anoloany izahay. **6** Dia hivoaka hanenjika anay izy mandra-pitarikay azy hiala ao an-tanàna; fa izy hanao hoe: Mandositra eo anoloantsika tahaka ny teo izy; dia hanao tari-dositra eo anoloany izahay. **7** Ary dia hiroatra avy ao amin' ny fanotrehana kosa ianareo, ka ho azonareo ny tanàna; fa atolotr' i Jehovah Andriamanitrareo eo an-tananareo izy. **8** Ary rehefa afakareo ny tanàna, dia dory amin' ny afo; araka ny didin' i Jehovah no hataonareo; indro, efa nandidy anareo aho. **9** Dia nampandehanin' i Josoa izy ireo, ary nandeha hanotrika ka nitoetra teo andrefan' i Ay, teo anelanelan' i Betela sy Ay; fa Josoa kosa nitoetra teo amin' ny vahoaka ihany tamin' izany alina izany. **10** Dia nifoha maraina koa Josoa ka nandamina ny vahoaka, ary niakatra teo alohan' ny vahoaka hankany Ay izy sy ny loholon' ny Isiraely. **11** Ary ny vahoaka rehetra mpanafika, izay niaraka tamin' i Josoa, dia niakatra ka nanakaiky sy nanandrify ny tanàna; ary nitoby teo avaratr' i Ay izy, ka ny lohasaha no teo anelanelan' izy sy Ay. **12** Dia naka olona tokony ho dimy arivo lahy izy ka nampanotrika azy teo anelanelan' i Betela sy Ay, andrefan' ny tanàna. **13** Ary rehefa voalahatry ny vahoaka ny toby rehetra izay teo avaratry ny tanàna sy ny otrika teo andrefan' ny tanàna, dia nandeha nankeo amin' ny lohasaha Josoa tamin' izany alina izany. **14** Ary rehefa hitan' ny mpanjakan' i Ay izany, dia nifoha maraina koa ny olona tao an-tanàna ka nivoaka faingana hiady tamin' ny Isiraely, teo amin' ny tany nifamotoanany tandrifin' ny tani-hay, dia ny mpanjaka sy ny vahoakany: fa tsy fantany ho nisy otrika hamely azy tao ankoatry ny tanàna. **15** Ary Josoa sy ny Isiraely rehetra nody resy teo anoloany ka nanao tari-dositra tamin' ny lalana mankany an-efitra. **16** Dia nifampiantso hanenjika azy ny vahoaka rehetra izay tao an-tanàna; ary nanenjika an' i Josoa izy, ka dia voatarika ho tafavoaka ny tanàna. **17** Ary tsy nisy lehilahy sisa, na tao Ay na tao Betela, izay tsy nivoaka hanenjika ny Isiraely; ary nilaozany mbola nivoha ny tanàna, ka lasa nanenjika ny Isiraely izy. **18** Ary hoy Jehovah tamin' i Josoa: Atondroy an' i Ay ny lefona izay eny an-tananao; fa hatolotro eo an-tananao Ay. Dia natondron' i Josoa ny tanàna ny lefona izay teny an-tànany. **19** Dia niroatra faingana ny otrika avy tao amin' ny nitoerany ka nihazakazaka, raha vao natondrony ny tànany; dia niditra tao an-tanàna izy ka nahafaka azy ary nandoro azy faingana tamin' ny afo. **20** Ary niherika ny mponina tao Ay, ka hitany fa, indro, ny setroky ny tanàna niakatra ho any an-danitra, sady tsy nisy handosirany akory, na ho etỳ, na ho erỳ; fa ny Isiraely izay nanao tari-dositra ho any an-efitra dia nifotitra namely ny mpanenjika kosa. **21** Fa rehefa hitan' i Josoa sy ny Isiraely rehetra fa efa azon' ny otrika ny tanàna, ka niakatra ny setroky ny tanàna, dia nifotitra izy ka namely ny mponina tao Ay. **22** Ary ireo tao an-tanàna nivoaka hamely azy, ka dia latsaka teo afovoan' ny Isiraely ny olona, fa ny Isiraely sasany teo an-daniny iray, ary ny sasany teo an-daniny iray koa; dia nifandafaran' ny Isiraely teo izy, ka tsy nasiany niangana na dia iray akory aza. **23** Ary ny mpanjakan' i Ay nataony sambo-belona ka nentiny teo amin' i Josoa. **24** Ary rehefa namono ny mponina rehetra tao Ay tany an-tsaha ny Isiraely, dia tany amin' ny efitra nanenjehany azy, ka lavo tamin' ny lelan-tsabatra avokoa izy rehetra mandra-pahalany ritrany, dia niverina tany Ay ny Isiraely rehetra ka namely azy tamin' ny lelan-tsabatra. **25** Ary izay rehetra maty tamin' izany andro izany, na lehilahy na

vehivavy, dia roa arivo amby iray alina, dia ny mponina rehetra tao Ay. **26** Ary Josoa tsy nampihemotra ny tànany izay nanondro tamin' ny lefona mandra-pandringana ny mponina rehetra tao Ay. **27** Nefa ny biby fiompy mbamin' ny fananana rehetra tao amin' izany tanàna izany dia nalain' ny Isiraely ho babony ihany, araka ny tenin' i Jehovah izay nandidiany an' i Josoa. **28** Ary Ay dia nodoran' i Josoa ka nofoanany ho tanànaolo mandrakizay, dia toy izany mandraka androany izy. **29** Ary ny mpanjakan' i Ay nahantony tamin' ny hazo mandra-paharivan' ny andro; ary rehefa tokony ho maty masoandro, dia nasain' i Josoa nesorina tamin' ny hazo ny fatiny ka nariana teo anoloan' ny vavahadin' ny tanàna ary notsindriany antontam-bato avo mandraka androany. **30** Ary tamin' izany Josoa dia nanorina alitara tao an-tendrombohitra Ebala ho an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, **31** araka izay nandidian' i Mosesy mpanompon' i Jehovah, ny Zanak' Isiraely, dia araka ny voasoratra eo amin' ny bokin' ny lalàn' i Mosesy dia alitara vato tsy voavoatra, izay tsy nopehim-by; ary dia nanatitra fanatitra dorana teo amboniny ho an' i Jehovah izy sady namono zavatra hatao fanati-pihavanana. **32** Dia nosoratany teo amin' ny vato ny dikan' ny lalàn' i Mosesy, izay efa nosoratany teo anatrehan' ny Zanak' Isiraely. **33** Ary ny Isiraely rehetra sy ny loholony sy ny mpifehy azy ary ny mpitsara azy dia nitsangana teo an-daniny roa amin' ny fiara, teo anatrehan' ny Levita mpisorona, izay nitondra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, na olona hafa firenena, na Isiraely: ny antsasany nanandrify ny tendrombohitra Gerizima, ary ny antsasany nanandrify ny tendrombohitra Ebala, araka izay efa nandidian' i Mosesy mpanompon' i Jehovah fahiny, mba hitso-drano ny olona Isiraely. **34** Ary rehefa afaka izany, dia namaky ny tenin' ny lalàna rehetra izy, dia ny fitahiana sy ny fanozonana, araka izay rehetra voasoratra eo amin' ny bokin' ny lalàna. **35** Tsy nisy teny tamin' izay rehetra nandidian' i Mosesy, izay tsy novakin' i Josoa teo anatrehan' ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, mbamin' ny vehivavy sy ny ankizy madinika ary ny vahiny izay teo aminy.

9 Ary rehefa nandre izany ny mpanjaka rehetra izay etỳ an-dafin' i Jordana, na ny tany amin' ny tany havoana, na ny tany amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka, na ny tany amoron' ny Ranomasina Lehibe tandrifin' i Libanona, dia ny Hetita, ny Amorita, ny Kananita, ny Perizita, ny Hivita ary ny Jebosita, **2** dia niray hina niangona hiady amin' i Josoa sy ny Isiraely izy. **3** Ary ny mponina tao Gibeona nahare izay nanaovan' i Josoa an' i Jeriko sy Ay, **4** dia nanao hafetsena kosa izy ka nandeha, ary nody ho iraka ka nitondra lasaka tonta nasampiny teo amin' ny borikiny sy siny hoditra tonta sady triatra ka nofehipehezina nasiany divay, **5** ary kapa tonta sady nitampintampina teo amin' ny tongony, ary lamba tonta notafiny; ary efa maina sy bobongolo ny mofo rehetra izay vatsiny. **6** Dia nankany amin' i Josoa teo an-toby tany Gilgala izy ireo ka niteny taminy sy tamin' ny Isiraelita nanao hoe: Avy any an-tany lavitra izahay; koa ankehitriny mba manaova fanekena aminay ianareo. **7** Ary hoy ny Isiraelita tamin' ireo Hivita ireo: Angamba mponina ato aminay ihany ianareo, ka hataonay ahoana no fanao fanekena aminareo? **8** Fa hoy izy tamin' i Josoa: Mpanomponao izahay. Ary hoy Josoa taminy: Iza moa ianareo, ary avy aiza? **9** Dia hoy izy ireo taminy: Avy tany an-tany lavitra indrindra izahay mpanomponao noho ny anaran' i Jehovah Andriamanitrao; fa efa renay ny lazany sy izay rehetra nataony tany Egypta **10** ary izay rehetra nataony tamin' ny mpanjaka roa tamin' ny Amorita, izay tany an-dafin' i Jordana, dia Sihona, mpanjakan' i Hesbona, sy Oga, mpanjakan' i Basana, izay tany Astarta. **11** Dia niteny taminay ny loholonay sy ny mponina rehetra amin' ny taninay ka nanao hoe: Mitondrà vatsy eny an-tananareo ho any amin' ny haleha, dia mandehana hitsena azy, ka lazao aminy hoe: Mpanomponao izahay; koa ankehitriny manaova fanekena aminay. **12** Itony mofonay itony dia vao mafana no nalainay tany an-tranonay ho vatsy tamin' ny andro nivoahanay hankatỳ aminareo; fa ankehitriny, indro, efa maina sy bobongolo izy; **13** ary vaovao ireto siny hoditra misy divay ireto izay nofenoinay; fa, indreo, efa triatra izy; ary efa rovitra ireto lambanay sy kapanay ireto noho ny halavitry ny naleha. **14** Ary nangalan' ny olona ny vatsin' ireo, nefa tsy nanontany tamin' ny vavan' i Jehovah izy. **15** Ary Josoa dia nanao fihavanana taminy ka nanao fanekena taminy mba tsy hamono azy; ary ny lohan' ny fiangonana koa dia nianiana taminy. **16** Ary nony efa afaka hateloana no nanaovany fanekena taminy, dia reny fa mifanakaiky aminy ihany ireo sady mitoetra eo aminy. **17** Dia niainga ny Zanak' Isiraely ka tonga tany an-tanànan' ireo tamin' ny andro fahatelo. Ary Gibeona sy Kefira sy Berota ary Kiriata-jearima no tanànany. **18** Fa tsy namely azy ny Zanak' Isiraely, satria Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, no efa nianianan' ny lohan' ny fiangonana taminy. Dia nimonomonona tamin' ireo loholona ny fiangonana rehetra. **19** Fa hoy ny loholona rehetra tamin' ny fiangonana rehetra: Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, no efa nianiananay taminy; koa ankehitriny tsy mahazo mamely azy isika. **20** Fa izao no hataontsika aminy: Havelantsika ho velona ihany izy, fandrao hisy fahatezerana mahatratra antsika noho ny fianianana nataontsika taminy. **21** Ary hoy koa ny loholona taminy: Aoka ihany ho velona izy. Dia tonga mpikapa hazo sy mpantsaka rano ho an' ny fiangonana rehetra izy, araka ny teny nataon' ny loholona taminy. **22** Dia niantso azy ireo Josoa ka nanao taminy hoe: Nahoana no namitaka anay ianareo ka nanao hoe: Lavitra anareo indrindra izahay, kanjo eto aminay ihany no onenanareo? **23** Koa ankehitriny voaozona ianareo, ary tsy hisy ho afaka, fa ho andevo sy ho mpikapa hazo ary ho mpantsaka rano ho an' ny tranon' Andriamanitro ianareo. **24** Dia namaly an' i Josoa izy ireo ka nanao hoe: Satria nambara tokoa taminay mpanomponao fa Jehovah Andriamanitrao efa nandidy an' i Mosesy mpanompony hanome anareo ny tany rehetra sy handringana ny mponina rehetra amin' ny tany eo anoloanareo, ary natahotra ny ho faty izahay noho ny aminareo, ka dia nanao izany zavatra izany; **25** koa ankehitriny, indreto, eto an-tananao izahay, koa araka izay ataonao ho tsara sy marina hatao aminay dia ataovy. **26** Dia nanao izany taminy izy ka namonjy azy tamin' ny

tanan' ny Zanak' Isiraely, mba tsy hahafaty azy ireo. **27** Dia natolotr' i Josoa tamin' izany andro izany ireo ho mpikapa hazo sy ho mpantsaka rano ho an' ny fiangonana sy ho an' ny alitaran' i Jehovah mandraka androany eo amin' ny tany izay hofidiny.

10 Ary rehefa ren' i Adoni-zedeka, mpanjakan' i Jerosalema, fa afak' i Josoa Ay ka noravany (fa araka izay nataony tamin' i Jeriko sy ny mpanjakany no nataony tamin' Ay sy ny mpanjakany), sady nanao fihavanana tamin' ny Isiraely ny mponina tany Gibeona ka tomoetra eo aminy, **2** dia raiki-tahotra indrindra izy, satria tanàna lehibe Gibeona tahaka ny anankiray amin' ny tanàna misy andriana, sady lehibe noho Ay, ary nahery ny lehilahy rehetra teo. **3** Dia naniraka olona Adoni-zedeka, mpanjakan' i Jerosalema, ho any amin' i Hohama mpanjakan' i Hebrona, sy Pirama, mpanjakan' i Jarmota, sy Jafia, mpanjakan' i Lakisy, ary Debira, mpanjakan' i Eglona, ka nanao hoe: **4** Miakara atỳ amiko, ka manampia ahy, hamelezantsika an' i Gibeona; fa efa nanao fihavanana tamin' i Josoa sy ny Zanak' Isiraely izy. **5** Dia niangona ireo mpanjaka dimy tamin' ny Amorita ireo, dia ny mpanjakan' i Jerosalema, ny mpanjakan' i Hebrona, ny mpanjakan' i Jarmota, ny mpanjakan' i Lakisy, ary ny mpanjakan' i Eglona, ka niakatra izy sy ny miaramilany rehetra, ary nitoby tandrifin' i Gibeona ka namely azy. **6** Ary ny mponina tao Gibeona dia naniraka olona ho any amin' i Josoa teo an-toby tany Gilgala hanao hoe: Aza mampiketraka ny tananao tsy hamonjy ny mpanomponao; miakara faingana ho atỳ aminay, ary vonjeo sy ampio izahay; fa miangona hamely anay ny mpanjaka rehetra amin' ny Amorita izay monina any amin' ny tany havoana. **7** Dia niakatra niala tany Gilgala Josoa sy ny mpanafika rehetra teo aminy, dia ny lehilahy mahery rehetra. **8** Ary hoy Jehovah tamin' i Josoa: Aza matahotra azy, fa efa natolotra eo an-tananao izy, ka tsy hisy hahajanona eo anoloanao izy na dia iray akory aza. **9** Ary tonga tampoka tamin' ireo Josoa; fa nanao lava alina-avy tany Gilgala izy. **10** Ary Jehovah nampifanaritaka ireo teo anoloan' ny Isiraely; ary namely ireo tany Gibeona izy ka nahafaty maro be, sady nanenjika azy tamin' ny fiakarana mankany Beti-horona izy ka namely azy hatrany Azeka ka hatrany Makeda. **11** Ary nony nandositra teo anoloan' ny Isiraely teo am-pidinan' i Beti-horona izy, Jehovah dia nandatsaka havandra maventy taminy avy tany an-danitra hatrany Azeka ka nahafaty azy; ary be lavitra ny matin' ny havandra noho izay novonoin' ny Zanak' Isiraely tamin' ny sabatra. **12** Ary tamin' izany Josoa dia niteny tamin' i Jehovah tamin' ny andro nanoloran' i Jehovah ny Amorita teo anoloan' ny Zanak' Isiraely ka nanao teo imason' ny Zanak' Isiraely hoe: Ry masoandro, mijanòna eo ambonin' i Gibeona; Ary, ianao kosa, ry volana, any an-dohasahan' i Aialona. **13** Dia nijanona ny masoandro, ary nijanona koa ny volana, Mandra-pamalin' ny olona ny fahavalony. Tsy efa voasoratra eo amin' ny Bokin' i Jasara va izany? Dia nijanona teo afovoan' ny lanitra ny masoandro ka tsy nandroso hilentika tokony ho indray andro maninjitra. **14** Ary tsy nisy andro tahaka izany, na tany alohany, na tato aoriany, izay nihainoan' i Jehovah ny feon' olona; fa Jehovah niady ho an' ny Isiraely. **15** Ary Josoa sy ny Isiraely rehetra dia niverina nankany an-toby tany Gilgala. **16** Ary nandositra ny mpanjaka dimy ka niery tao anatin' ilay zohy any Makeda. **17** Dia nolazaina tamin' i Josoa hoe: Indreo, miery ao anatin' ilay zohy any Makeda ny mpanjaka dimy. **18** Ary hoy Josoa: Manakodiava vato lehibe hatampina ny vavan' ny zohy, ary asio olona eo anoloany hiambina azy; **19** fa ianareo aza mijanona, fa manenjeha ny fahavalonareo, ka mameleza ny vodi-lalana; aza avela ho tafiditra any an-tanànany ireny, fa efa natolotr' i Jehovah Andriamanitrareo eo an-tananareo. **20** Ary rehefa voaringan' i Josoa sy ny Zanak' Isiraely mihitsy ireny mandra-pahalany ritrany, ka izay afa-nandositra no lasa niditra tany amin' ny tanàna mimanda, **21** dia niverina soa aman-tsara ho any amin' i Josoa teo an-toby tany Makeda ny vahoaka rehetra; ary tsy nisy sahy nanao vava ratsy tamin' ny Zanak' Isiraely intsony. **22** Dia hoy Josoa: Sokafy ny vavan' ny zohy, ka avoahy ao an-johy ireo mpanjaka dimy ireo hankatỳ amiko. **23** Dia nataon' ny olona izany, ka namoaka ireo mpanjaka dimy ireo avy tao an-johy izy ho eo aminy, dia ny mpanjakan' i Jerosalema, ny mpanjakan' i Hebrona, ny mpanjakan' i Jarmota, ny mpanjakan' i Lakisy, ary ny mpanjakan' i Eglona. **24** Ary rehefa navoaka ireo mpanjaka ireo ka nentina ho eo amin' i Josoa, dia niantso ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely Josoa ka nanao tamin' ny mpitarika ny mpiady izay teo aminy hoe: Manatona, ka ataovy eo amin' ny vozon' ireto mpanjaka ireto ny tongotrareo. Dia nanatona izy ka nanao ny tongony teo amin' ny vozon' ireo. **25** Ary hoy Josoa taminy: Aza matahotra na mivadi-po; mahereza sy matanjaha; fa toy izao no hataon' i Jehovah amin' ny fahavalonareo rehetra izay iadianareo. **26** Ary rehefa afaka izany, dia namely ireo Josoa ka nahafaty azy, ary nahantony tamin' ny hazo dimy ny fatiny; ka dia nihantona tamin' ny hazo izy mandra-paharivan' ny andro. **27** Ary tamin' ny nilentehan' ny masoandro dia nasain' i Josoa nesorina tamin' ny hazo izy ireo ka nariana tao anatin' ilay zohy niereny, ary nasiana vato lehibe teo amin' ny vavan' ny zohy, ka mbola ao izany mandraka androany. **28** Ary Makeda dia afak' i Josoa tamin' izany andro izany, ka nasiany tamin' ny lelan-tsabatra izy sy ny mpanjakany; ary ny olona rehetra tao dia naringany avokoa ka tsy nasiany niangana na dia iray akory aza; ary tahaka izay efa nataony tamin' ny mpanjakan' i Jeriko, no nataony tamin' ny mpanjakan' i Makeda koa. **29** Ary Josoa sy ny Isiraely rehetra teo aminy dia niala tany Makeda ka nankany Libna ary namely azy; **30** dia natolotr' i Jehovah teo an-tànan' ny Isiraely koa izy sy ny mpanjakany, ka nasiany tamin' ny lelan-tsabatra izy mbamin' ny olona rehetra tao; tsy nasiany niangana na dia iray akory aza; ary tahaka izay efa nataony tamin' ny mpanjakan' i Jeriko no nataony tamin' ny mpanjakany koa. **31** Dia niala tany Libna Josoa sy ny Isiraely rehetra teo aminy ka nankany Lakisy, dia nitoby tandrifiny ka namely azy. **32** Dia natolotr' i Jehovah teo an-tànan' ny Isiraely koa Lakisy, ka afany tamin' ny andro faharoa izy; dia nasiany tamin' ny lelan-tsabatra izy sy ny olona rehetra tao, tahaka izay rehetra efa nataony

tamin' i Libna koa. **33** Dia niakatra Horama, mpanjakan' i Gazera, hamonjy an' i Lakisy; dia nasian' i Josoa izy sy ny vahoakany mandra-paha-tsy nisy niangana. **34** Dia niala tany Lakisy Josoa sy ny Isiraely rehetra teo aminy ka nankany Eglona, dia nitoby tandrifiny ka namely azy; **35** dia afany tamin' izany andro izany koa izy ka nasiany tamin' ny lelan-tsabatra; ary ny olona rehetra tao dia naringany tamin' izany andro izany, tahaka izay rehetra efa nataony tamin' i Lakisy. **36** Dia niakatra niala tany Eglona Josoa sy ny Isiraely rehetra teo aminy ka nankany Hebrona ary namely azy; **37** dia afany koa izy, ka nasiany tamin' ny lelan-tsabatra izy sy ny mpanjakany sy ny tanànany rehetra ary ny olona rehetra tao; tsy nasiany niangana na dia iray akory aza, tahaka izay rehetra efa nataony tamin' i Eglona; fa naringany avokoa izy sy ny olona rehetra tao. **38** Dia niverina Josoa sy ny Isiraely rehetra teo aminy ka nankany Debira ary namely azy; **39** dia azony koa izy sy ny mpanjakany ary ny tanànany rehetra; ary nasiany tamin' ny lelan-tsabatra Izy, ka naringany avokoa ny olona rehetra tao; fa tsy nasiany niangana na dia iray akory aza; tahaka izay efa nataony tamin' i Hebrona, dia toy izany koa no nataony tamin' i Debira sy ny mpanjakany, ary tahaka izay efa nataony tamin' i Libna sy ny mpanjakany koa. **40** Dia nasian' i Josoa ny tany rehetra sy ny mpanjakany rehetra, dia ny tany havoana sy ny tany atsimo sy ny tany lemaka amoron-tsiraka ary ny any am-bodin' ny tendrombohitra; tsy nasiany niangana ireny, fa naringany avokoa ny olo-miaina rehetra, araka ny didin' i Jehovah. Andriamanitry ny Isiraely, **41** Dia nasian' i Josoa izy hatrany Kadesi-barnea ka hatrany Gaza, ary ny tany Gosena rehetra hatrany Gibeona. **42** Ary ireo mpanjaka rehetra ireo sy ny taniny dia azon' i Josoa indray mandeha, satria Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, no niady ho an' ny Isiraely. **43** Dia niverina Josoa sy ny Isiraely rehetra teo aminy ho any an-toby tany Gilgala.

11 Ary rehefa nahare Jabina, mpanjakan' i Hazora, dia naniraka tany amin' i Jobaba, mpanjakan' i Madona, sy ny mpanjakan' i Simrona sy ny mpanjakan' i Aksafa, **2** ary ireo mpanjaka tany amin' ny tany havoana any avaratra koa sy tany amin' ny tani-hay atsimon' i Kinerota sy tany amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka ary tany amin' ny havoan' i Dora andrefana, **3** dia tamin' ny Kananita any atsinanana sy any andrefana, ary tamin' ny Amorita sy ny Hetita sy ny Perizita ary ny Jebosita tany amin' ny tany havoana, ary tamin' ny Hivita tany am-bodin' i Hermona, tany amin' ny tany Mizpa. **4** Dia nivoaka izy ireo sy ny miaramilany rehetra teo aminy, dia olona maro be toy ny fasika eny amoron-dranomasina ny hamaroany, ary ny soavaliny sy ny kalesiny dia maro indrindra. **5** Ary rehefa nivory ireo mpanjaka rehetra ireo, dia nandeha izy hiady tamin' ny Isiraely ka nitoby teo anilan' ny rano Meroma. **6** Dia hoy Jehovah tamin' i Josoa: Aza matahotra azy; fa rahampitso toy izao Izaho dia hanolotra azy rehetra ho faty eo anatrehan' ny Isiraely; traingoy ny soavaliny, ary dory amin' ny afo ny kalesiny. **7** Dia nandeha Josoa sy ny vahoaka rehetra mpanafika teo aminy ka tonga tampoka taminy teo amoron' ny rano Meroma, dia namely azy. **8** Ary Jehovah nanolotra azy teo an-tànan' ny Isiraely izay namely azy ka nanenjika azy hatrany Sidona lehibe sy hatrany Misrefota-mamia ary hatramin' ny lohasaha Mizpa atsinanana; dia namely azy izy mandra-paha-tsy nisy niangana na dia iray akory aza. **9** Ary Josoa dia nanao taminy araka izay efa nandidian' i Jehovah azy: ny soavalin' ireny notraingoiny ary ny kalesiny nodorany tamin' ny afo. **10** Ary tamin' izany dia niverina Josoa ka nahafaka an' i Hazora ary namely ny mpanjakany tamin' ny sabatra, satria Hazora no lohan' ireny fanjakana rehetra ireny fahiny. **11** Ary nasiany tamin' ny lelan-tsabatra ny olona rehetra tao ka naringany avokoa: tsy nisy olo-miaina sisa na dia iray akory aza; ary Hazora nodorany tamin' ny afo. **12** Ary ny tanàna rehetra izay an' ireny mpanjaka ireny sy ny mpanjakany rehetra dia azon' i Josoa ary nasiany tamin' ny lelan-tsabatra ka naringany, araka izay efa nandidian' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah. **13** Fa ny tanàna rehetra izay teny an-kavoana dia tsy mba nodoran' ny Isiraely afa-tsy Hazora ihany, izay nodoran' i Josoa. **14** Ary ny fananana rehetra tao amin' ireny tanàna ireny sy ny biby fiompy dia nalain' ny Zanak' Isiraely ho babony; fa ny olona rehetra nasiany tamin' ny lelan-tsabatra mandra-pandringany azy; tsy nasiany niangana na dia iray akory aza. **15** Araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy mpanompony no nandidian' i Mosesy an' i Josoa; ka dia izany no nataon' i Josoa: tsy nisy namelany izay rehetra efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **16** Dia lasan' i Josoa avokoa izany tany rehetra izany na ny tany havoana, na ny tany atsimo rehetra, na ny tany Gosena rehetra, na ny tany lemaka amoron-tsiraka, na ny tani-hay na ny tany havoan' ny Isiraely sy ny tany lemaka aminy koa, **17** hatramin' ny tendrombohitra mangadihady, izay fiakarana no any Seïra, ka hatrany Bala-gada eo amin' ny lohasahan' i Libanona am-bodin' ny tendrombohitra Hermona; ary ny mpanjakany rehetra nosamboriny ka novonoiny ho faty. **18** Ela no niadian' i Josoa tamin' ireny mpanjaka rehetra ireny. **19** Tsy nisy tanàna izay nanao fihavanana tamin' ny Zanak' Isiraely, afa-tsy ny Hivita izay nonina tany Gibeona ihany; fa azony tamin' ny ady avokoa izy rehetra. **20** Fa avy tamin' i Jehovah no nanamafian' ireo ny fony hiady amin' ny Isiraely, mba hanaovany azy ho zavatra voaozona, ka tsy nisy famindram-po, handringanana azy araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **21** Dia nandeha tamin' izany andro izany Josoa ka namongotra ny Anakita tany amin' ny tany havoana, dia tany Hebrona sy Debira sy Anaba, ary tany amin' ny tany havoan' i Joda rehetra, ary tany amin' ny tany havoan' Isiraely rehetra: naringan' i Josoa avokoa izy sy ny tanànany. **22** Tsy nisy sisa tany amin' ny tanin' ny Zanak' Isiraely ny Anakita; fa tany Gaza sy Gata ary Asdoda ihany no mbola nisy sisa. **23** Dia lasan' i Josoa avokoa ny tany rehetra, araka izay rehetra nolazain' i Jehovah tamin' i Mosesy; ary nomen' i Josoa ho lovan' ny Isiraely izany, araka ny fizaran' ny fireneny. Dia nitsahatra ny ady ka nandry ny tany.

12 Ary izao no mpanjakan' ny tany izay resin' ny Zanak' Isiraely, ka lasany ny taniny, teny an-dafy atsinanan' i

Jordana hatramin' ny lohasahan-driaka Arnona ka hatramin' ny tendrombohitra Hermona sy ny ilany atsinanan' ny tani-hay **2** Sihona, mpanjakan' ny Amorita, izay nonina tany Hesbona ka nanjaka hatrany Aroera, eo amoron' ny lohasahan-driaka Arnona, ka hatreo afovoan' ny lohasaha sy ny antsasak' i Gileada, dia hatramin' ny lohasahan-driaka Jaboka, fari-tanin' ny taranak' i Amona, **3** ary ny ilany atsinanan' ny tani-hay hatramin' ny Ranomasina Kinerota ka hatramin' ny ranomasina amin' ny tani-hay, dia ny Ranomasintsira, amin' ny lalana mankany Beti-jesimota, ary hatramin' ny tany atsimo eo am-bodin' i Pisga. **4** Ary azony koa ny tanin' i Oga, mpanjakan' i Basana, isan' ny Refaïta sisa, izay nitoetra tany Astarta sy Edrehy, **5** sy nanjaka tany an-tendrombohitra Hermona sy tany Saleka ary tany Basana rehetra hatramin' ny fari-tanin' ny Gesorita sy ny Makatita ary ny antsasak' i Gileada, fari-tanin' i Sihona, mpanjakan' i Hesbona. **6** Mosesy, mpanompon' i Jehovah, sy ny Zanak' Isiraely no nandresy ireo; ary ny taniny nomen' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, ho lovan' ny Robenita sy ny Gadita ary ny antsasaky ny firenen' i Manase. **7** Ary izao no mpanjakan' ny tany izay resin' i Josoa sy ny Zanak' Isiraely tany an-dafy andrefan' i Jordana, hatrany Bala-gada, eo an-dohasahan' i Libanona, ka hatramin' ny tendrombohitra mangadihady izay fiakarana ho any Seïra, ka ny taniny nomen' i Josoa ny firenen' ny Isiraely araka ny fizarany, **8** dia ny any amin' ny tany havoana sy amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka sy amin' ny tani-hay sy amin' ny tany am-bodin' ny tendrombohitra sy any an-efitra ary any amin' ny tany atsimo, dia ny an' ny Hetita sy ny Amorita sy ny Kananita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita: **9** Ny mpanjakan' i Jeriko, iray; ny mpanjakan' i Ay, izay eo anilan' i Betela, iray; **10** ny mpanjakan' i Jerosalema, iray; ny mpanjakan' i Hebrona, iray; **11** ny mpanjakan' i Jarmota, iray; ny mpanjakan' i Lakisy, iray; **12** ny mpanjakan' i Eglona, iray; ny mpanjakan' i Gazera, iray; **13** ny mpanjakan' i Debira, iray; ny mpanjakan' i Gadera, iray; **14** ny mpanjakan' i Horma, iray; ny mpanjakan' i Arada, iray; **15** ny mpanjakan' i Libna, iray; ny mpanjakan' i Adolama, iray; **16** ny mpanjakan' i Makeda, iray; ny mpanjakan' i Betela, iray; **17** ny mpanjakan' i Tapoa, iray; ny mpanjakan' i Hefera, iray; **18** ny mpanjakan' i Afeka, iray; ny mpanjakan' i Lasarona, iray; **19** ny mpanjakan' i Madona, iray; ny mpanjakan' i Hazora, iray; **20** ny mpanjakan' i Simrona-merona, iray; ny mpanjakan' i Aksafa, iray; **21** ny mpanjakan' i Tanaka, iray; ny mpanjakan' i Megido, iray; **22** ny mpanjakan' i Kadesy, iray; ny mpanjakan' i Jokneama any Karmela, iray; **23** ny mpanjakan' i Dora eo amin' ny havoan' i Dora, iray; ny mpanjakan' ny firenen-tsamy hafa any Gilgala, iray; **24** ny mpanjakan' i Tirza, iray. Iraika amby telo-polo no isan' ny mpanjaka rehetra.

13 Ary Josoa dia efa zoki-olona sady nandroso fahanterana, dia hoy Jehovah taminy: Efa zoki-olona ianao ka mandroso fahanterana, ary be dia be ny tany sisa tsy mbola azo. **2** Izao no tany sisa tsy mbola azo: Ny tany rehetra an' ny Filistina sy ny Gesorita rehetra, **3** hatrany Sihora, izay atsinanan' i Egypta, ka hatramin' ny fari-tanin' i Elzrona eo avaratra, izay atao ho an' ny Kananita, ireo andriana dimy amin' ny Filistina dia ny Gazita sy ny Asdodita sy ny Askelonita sy ny Gatita sy ny Ekronita ary ny Avita **4** any atsimo, dia ny tanin' ny Kananita rehetra sy Meara, izay an' ny Sidoniana, hatrany Afeka ka hatramin' ny fari-tanin' ny Amorita, **5** ary ny tanin' ny Gebalita sy Libanona rehetra any atsinanana, hatrany Bala-gada eo am-bodin' ny tendrombohitra Hermona ka hatrany akaikin' i Hamata, **6** ary ny mponina rehetra any amin' ny tany havoana hatrany Libanona ka hatrany Misrefota-mamia, dia ny Sidoniana rehetra, Izaho no handroaka kanefa zarao amin' ny filokana ho lovan' ny Zanak' Isiraely izy araka izay efa nandidiako anao. **7** Ary ankehitriny zarao izao tany izao ho lovan' ny firenena sivy sy ny antsasaky ny firenen' i Manase. **8** Ary niaraka tamin' ireo koa no nahazoan' ny Robenita sy ny Gadita ny lovany, dia ilay nomen' i Mosesy azy any an-dafy atsinanan' i Jordana, araka izay nomen' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, azy, **9** dia hatrany Aroera, izay eo amoron' ny lohasahan-driaka Arnona, ary ny tanàna izay eo afovoan' ny lohasaha sy ny tany lemaka rehetra any Medeba ka hatrany Dibona, **10** ary ny tanàna rehetra izay an' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, izay nanjaka tany Hesbona, hatramin' ny faritanin' ny taranak' i Amona, **11** ary Gileada sy ny tanin' ny Gesorita sy ny Makatita sy ny tendrombohitra Hermona rehetra ary Basana rehetra hatrany Saleka, **12** dia ny fanjakana rehetra an' i Oga tany Basana, izay nanjaka tany Astarta sy Edrehy (izy ihany no sisa tamin' ny Refaïta); fa resin' i Mosesy ireny ka noroahiny. **13** Kanefa tsy mba noroahin' ny Zanak' Isiraely ny Gesorita sy ny Makatita; fa mitoetra eo amin' ny Zanak' Isiraely mandraka androany ny Gesorita sy ny Makatita. **14** Ny firenen' i Levy ihany no tsy nomeny lova; ny fanatitra atao amin' ny afo ho an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, no lovany araka izay nolazainy taminy. **15** Ary nomen' i Mosesy lova ny firenena taranak' i Robena araka ny fokony **16** Ary ny fari-taniny dia hatrany Aroera, izay eo amoron' ny lohasahan-driaka Arnona, ary ny tanàna izay eo afovoan' ny lohasaha sy ny tany lemaka rehetra any Medeba, **17** dia Hesbona sy ny tanànany rehetra, izay eo amin' ny tany lemaka, sy Dibona sy Bamotabala sy Beti-bala-meona **18** sy Jahaza sy Kedemota sy Mefata **19** sy Kiria-taima sy Sibma sy Zareta-sahara amin' ny tendrombohitra ao an-dohasaha, **20** sy Beti-peora sy ny ao am-bodin' i Pisga ary Beti-jesimota **21** ary ny tanàna rehetra any amin' ny tany lemaka sy ny fanjakana rehetra an' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, izay nanjaka tany Hesbona fa resin' i Mosesy izy sy ireo andrianan' ny Midianita, dia Evy sy Rekema sy Zora sy Hora ary Reba, andriana izay nanoa an' i Sihona ka nitoetra teo amin' ny tany. **22** Ary Balama, mpanao fankatovana, zanak' i Beora, dia novonoin' ny Zanak' Isiraely tamin' ny sabatra niaraka tamin' izay novonoiny. **23** Ary ny fari-tanin' ny taranak' i Robena dia ny amoron' i Jordana. Izay no lovan' ny taranak' i Robena araka ny fokony, dia ny tanàna sy ny zana-bohiny. **24** Ary nomen' i Mosesy koa ny firenen' i Gada, dia ny taranak' i Gada araka ny fokony. **25** Ary ny faritaniny dia Jazera sy ny tanàna rehetra any Gileada ary ny antsasaky ny tanin' ny

taranak' i Amona, hatrany Aroera, izay tandrifin' i Raba, **26** ary hatrany Hesbona ka hatrany Ramatamizpa sy Betonima ary hatrany Mahanaima ka hatramin' ny faritanin' i Debira; **27** ary teo amin' ny lohasaha Beti-harama sy Beti-nimra sy Sokota sy Zafona ary ny sisa tamin' ny fanjakan' i Sihona, mpanjakan' i Hesbona, sy ny amoron' i Jordana hatramin' ny amoron' ny Ranomasina Kinereta an-dafy atsinanan' i Jordana. **28** Izany no lovan' ny taranak' i Gada araka ny fokony, dia ny tanàna sy ny zana-bohiny. **29** Ary nomen' i Mosesy koa ny antsasaky ny firenen' i Manase; ary izao no an' ny antsasaky ny firenena taranak' i Manase araka ny fokony: **30** Ny fari-taniny hatrany Mahanaima, dia Basana rehetra, izay fanjakana rehetra an' i Oga, mpanjakan' i Basana, ary ny tanàna madinika rehetra an' i Jaïra, izay any Basana, dia tanàna enim-polo. **31** Ary ny antsasak' i Gileada sy Astarta ary Edrehy, tanàna amin' ny fanjakan' i Oga any Basana, dia an' ny taranak' i Makira, zanak' i Manase, dia ho an' ny antsasaky ny taranak' i Makira araka ny fokony. **32** Ireo no voazaran' i Mosesy ho lova tany Arbota-moaba an-dafy atsinanan' i Jordana tandrifin' i Jeriko. **33** Ary ny firenen' i Levy tsy mba nomen' i Mosesy lova; fa Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, no lovany, araka izay efa nolazainy taminy.

14 Ary izao no nolovan' ny Zanak' Isiraely teo amin' ny tany Kanana, izay nampandovain' i Eleazara mpisorona sy Josoa, zanak' i Nona, ary ny loholon' ny firenen' i Zanak' Isiraely; **2** tamin' ny filokana no nahazoany ny lovany, araka izay efa nandidian i Jehovah an' i Mosesy ny amin' ny firenena sivy sy sasany. **3** Fa efa nomen' i Mosesy lova tany an-dafin' i Jordana ny firenena roa sy sasany; fa ny taranak' i Levy tsy mba nomeny lova teo aminy. **4** Fa firenena roa ny taranak' i Josefa, dia Manase sy Efraima; ary tsy mba nomeny anjara teo amin' ny tany ny taranak' i Levy, afa-tsy ny tanàna honenany sy ny tany manodidina ny tanànany ho an' ny omby aman' ondriny sy ny fananany. **5** Araka izay efa nandidian' i Jehovah an' i Mosesy no nataon' ny Zanak' Isiraely, ka dia nizara ny tany izy. **6** Dia nankany amin' i Josoa tany Gilgala ny taranak' i Joda; ary Kaleba, zanak' i Jefone, Kenizita, nanao taminy hoe: Fantatrao ny teny izay nolazain' i Jehovah tamin' i Mosesy, lehilahin' Andriamanitra, ny amiko sy ianao tany Kadesi-barnea. **7** Efa-polo taona no andro niainako, fony aho nirahin' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, niala tany Kadesi-barnea hisafo ny tany; dia niverina aho nitondra teny taminy araka izay tao am-poko. **8** Kanefa ireo rahalahiko izay niara-niakatra tamiko dia nanaketraka ny fon' ny olona; fa izaho kosa dia tanteraka tamin' ny fanarahana an' i Jehovah Andriamanitrao. **9** Dia nianiana tamin' izany andro izany Mosesy ka nanao hoe: Ny tany izay nodiavin' ny tongotrao dia ho lovanao sy ny taranakao tokoa mandrakizay, satria tanteraka tamin' ny fanarahana an' i Jehovah Andriamanitro ianao. **10** Ary ankehitriny indro, efa namelona ahy Jehovah, araka izay nolazainy hatramin' ny dimy amby efa-polo taona lasa izay, dia hatramin' ny nilazan' i Jehovah izany teny izany tamin' i Mosesy no ho mankaty, raha mbola nandehandeha tany an-efitra ny Isiraely; ary ankehitriny, indro, efa dimy amby valo-polo taona aho izao. **11** Nefa mbola matanjaka ihany aho izao tahaka ny tamin' ny andro nanirahan' i Mosesy ahy: tahaka ny tanjako tamin' izany ihany no mbola tanjako ankehitriny mba hiady, na hivoaka, na hiditra. **12** Ary ankehitriny omeo ahy iry tendrombohitra iry, izay nolazain' i Jehovah tamin' izany andro izany; fa efa renao tamin' izany andro izany fa nitoetra teo ny Anakita, sady nisy tanàna lehibe mimanda; angamba homba ahy Jehovah, dia haharoaka azy aho, araka izay nolazain' i Jehovah. **13** Dia nitso-drano azy Josoa ka nanome an' i Hebrona ho lovan' i Kaleba, zanak' i Jefone. **14** Izany no nahatongavan' i Hebrona ho lovan' i Kaleba, zanak' i Jefone, Kenizita, mandraka androany satria tanteraka tamin' ny fanarahana an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, izy. **15** Ary tanànan' Arba no anaran' i Hebrona taloha; ilay lehilahy vaventy tamin' ny Anakita izany Arba izany. Dia nandry ny tany ka tsy nisy ady intsony.

15 Ary izao no anjaran' ny firenena taranak' i Joda tamin' ny filokana araka ny fokony: hatramin' ny faritanin' i Edoma dia ny efitra Zina atsimo, izay faran' ny faritany atsimo. **2** Ary ny fari-taniny atsimo dia hatramin' ny faran' ny Ranomasin-tsira, dia hatramin' ny helo-drano atsimo, **3** dia nandroso hatrany atsimon' ny fiakarana Akrabima, dia nandroso hatrany Zina, dia niakatra any atsimon' i Kadesi-barnea ka nandroso hatrany Hezrona dia niakatra any Adara ary niolaka hatrany Karka, **4** dia nandroso hatrany Azmona ka nahazo ny lohasahan-driak' i Egypta, ary dia nihatra tamin' ny ranomasina; izany no ho fari-taninareo atsimo. **5** Ary ny fari-tany atsinanana dia ny Ranomasin-tsira hatramin' ny faran' i Jordana. Ary ny fari-taniny tamin' ny lafiny avaratra dia hatramin' ny helo-drano eo amin' ny faran' i Jordana, **6** dia niakatra hatrany Beti-hogla ka nandroso any avaratr' i Bet-araba, dia niakatra hatramin' ny vaton' i Bohana, zanak' i Robena, **7** dia niakatra ho any Debira hatramin' ny lohasaha Akora ary nianavaratra manandrify an' i Gilgala tandrifin' ny fiakarana Adomina, izay eo atsimon' ny lohasahan-driaka, dia nandroso hatramin' ny rano Ensemesy ary nihatra tany En-rogela, **8** dia niakatra teo amin' ny lohasahan' ny taranak' i Hinoma, ho eo anilany atsimon' ny Jebosita (Jerosalema izany), dia niakatra hatramin' ny tampon' ny tendrombohitra, izay manandrify ny lohasahan' i Hinoma eo andrefany, amin' ny farany avaratry ny Lohasahan' ny Refaïta, **9** dia nizotra hatramin' ny tampon' ny tendrombohitra ka nihatra tamin' ny loharano Neftoa, dia nahazo ny tanàna tao an-tendrombohitra Efrona, dia nizotra hatrany Bala (Kiriata-jearima izany), **10** dia niolaka hatrany Bala andrefana ka hatramin' ny tendrombohitra Seïra ka nandroso hatramin' ny ilany avaratry ny tendrombohitra Jearima (Kesalona izany), dia nidina hatrany Beti-semesy ka nandroso hatrany Timna. **11** dia nihatra tamin' ny lafiny avaratr' i Ekrona, dia nizotra hatrany Sikerona ka nandroso hatramin' ny tendrombohitra Bala, dia nihatra tamin' i Jabniela, ary dia nihatra tany amin' ny ranomasina. **12** Ary ny fari-tany andrefana dia ny moron' ny Ranomasina Lehibe. Izany no

fari-tany manodidina ny anjaran' ny taranak' i Joda araka ny fokony. **13** Ary Kaleba, zanak' i Jefone, dia nomeny anjara teo amin' ny taranak' i Joda, araka ny didin' i Jehovah tamin' i Josoa, dia ny tanànan' i Arba, rain' i Anàka (Hebrona izany). **14** Dia noroahin' i Kaleba niala tao izy telo lahy, taranaky ny Anakita, dia Sesay sy Ahimana ary Talmay. **15** Dia niakatra avy tao izy hankany amin' ny mponina any Debira (Kiriata-sefera no anaran' i Debira taloha). **16** Ary hoy Kaleba: Izay mamely an' i Kiriata-sefera ka mahafaka azy, dia homeko azy Aksa zanako-vavy ho vadiny. **17** Ary Otniela, zanak' i Kenaza, rahalahin' i Kaleba, no nahafaka azy; ka dia nomeny azy Aksa zananivavy ho vadiny. **18** Ary rehefa voampakatra ravehivavy, dia nanome vava ny lahy hangataka saha tamin-drainy; dia niala faingana tamin' ny borikiny ravehivavy, ka hoy Kaleba taminy: Inona no ilainao? **19** Ary hoy izy: Omeo tso-drano aho; fa tsy tany misy rano no efa nomenao ahy, ka mba omeo loharano koa aho. Dia nomeny azy ny loharano ambony sy ny loharano ambany. **20** Izao no lovan' ny firenena taranak' i Joda araka ny fokony: **21** Ny tanàna farany amin' ny firenena taranak' i Joda, eo akaikin' ny fari-tanin' i Edoma amin' ny tany atsimo, dia Kabzela sy Edera sy Jagora **22** sy Kina sy Dimona sy Adada **23** sy Kadesy sy Hazora sy Itnana **24** sy Zifa sy Talema sy Bealota **25** sy Hazora-hadata sy Keriota-hezrona (Hazora izany), **26** sy Amama sy Sema sy Molada **27** sy Hazara-gada sy Hesmona sy Beti-paleta **28** sy Hazara-soala sy Beri-sheba sy Biziotia **29** sy Bala sy Ie sy Azema **30** sy Eltolada sy Kesila sy Horma **31** sy Ziklaga sy Madmana sy Sansana **32** sy Lebaota sy Silima sy Aina sy Rimona; sivy amby roa-polo ny tanàna rehetra sy ny zana-bohiny. **33** Ary teo amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka dia Estaola sy Zora sy Asna **34** sy Zanoa sy Enganima sy Tapoa sy Enama **35** sy Jarmota sy Adolama sy Soko sy Azeka **36** sy Saraima sy Aditaima sy Gadera sy Gederotaima: tanàna efatra ambin' ny folo sy ny zana-bohiny; **37** ary Zenana sy Hadasa sy Migdala-gada **38** sy Dilana sy Mizpa ary Joktela **39** sy Lakisy sy Bozkata sy Eglona **40** sy Kabona sy Lamasa sy Kitlisa **41** sy Gederota sy Beti-dagona sy Nama sy Makeda: tanàna enina ambin' ny folo sy ny zana-bohiny; **42** Libna sy Atera sy Asana **43** sy Jifta sy Asna ary Neziba **44** sy Keila sy Akziba ary Maresa: tanàna Sivy sy ny zana-bohiny; **45** Ekrona sy ny tanànany ary ny zana-bohiny; **46** hatrany Ekrona no ho miankandrefana, dia izay rehetra akaiky an' i Asdoda, sy ny zana-bohitr' ireo, **47** Asdoda sy ny tanànany ary ny zana-bohiny, Gaza sy ny tanànany ary ny zana-bohiny, hatramin' ny lohasahan-driak' i Egypta sy ny amoron' ny Ranomasina Lehibe. **48** Ary tany amin' ny tany havoana dia Samira sy Jatira sy Soko **49** sy Dana sy Ririata-sana (Debira izany) **50** sy Anaba sy Estemo sy Anima **51** sy Gosena sy Holona sy Gilo: tanàna iraika ambin' ny folo sy ny zana-bohiny; **52** Araba sy Doma sy Esana **53** sy Janoma sy Beti-tapoa sy Afeka **54** sy Honta sy Kiriat-arba (Hebrona izany) ary Ziora: tanàna sivy sy ny zana-bohiny; **55** Maona sy Karmela sy Zifa sy Jota **56** sy Jezirela sy Jokdeama sy Zanoa **57** sy Kaina sy Gibea sy Timna: tanana folo sy ny zana-bohiny; **58** sy Halola sy Beti-zora sy Gedora **59** sy Marata sy Betanota sy Eltekona: tanàna enina sy ny zana-bohiny; **60** sy Kiriata-bala (Kiriata-jearima izany) sy Raba; tanàna roa sy ny zana-bohiny. **61** Tany an-efitra dia Bet-araba sy Midìna sy Sekaka **62** sy Nibsana sy ilay Tanànantsira ary Enjedy: tanàna enina sy ny zana-bohiny. **63** Ary ny amin' ny Jebosita, mponina any Jerosalema, dia tsy naharoaka azy ny taranak' i Joda; fa miara-monina amin' ny taranak' i Joda any Jerosalema mandraka androany izy ireny.

16 Ary ny faritry ny tany azon' ny taranak' i Josefa tamin' ny filokana dia hatrany Jordana tandrifin' i Jeriko, dia tao amin' ny ranon' i Jeriko atsinanana, ka hatramin' ny efitra izay fiakarana avy any Jeriko, mamaky ny tany havoan' i Betela, **2** dia hatrany Betela ka hatrany Lozy, ka nandroso hatramin' ny fari-tanin' ny Arkita hatrany Atarota, **3** dia nidina niankandrefana nahazo ny tanin' ny Jafletita ka hatramin' ny fari-tanin' i Bedhorona ambany sy Gazera ka dia nihatra tamin' ny ranomasina. **4** Dia azon' i Manase sy Efraima, taranak' i Josefa, ny lovany. **5** Ary ny amin' ny fari-tanin' ny taranak' i Efraima araka ny fokony, ny fari-taniny atsinanana amin' ny lovany dia hatrany Atarot-adara ka hatrany Beti-horona ambony. **6** Ary ny fari-taniny dia nandroso niankandrefana hatrany avaratr' i Mikmeta, dia niolaka niantsinanana hatrany Tanata-silo ka nihoatra eo atsinanany hatrany Janoha, **7** dia nidina hatrany Janoha ka hatrany Atarota sy Narata, dia nipaka tamin' i Jeriko ary dia nihatra tany Jordana. **8** Ary hatrany Tapoa dia niankandrefana ny fari-tany hatramin' ny lohasahan-driak' i Kana, ka dia nihatra tamin' ny ranomasina. Izany no lovan' ny firenena taranak' i Efraima araka ny fokony, **9** mbamin' ny tanàna natokana ho an' ny taranak' i Efraima teo amin' ny lovan' ny taranak' i Manase koa, dia ny tanàna rehetra mbamin' ny zana-bohiny. **10** Ary tsy nandroaka ny Kananita izay nonina tany Gazera izy; fa monina eo amin' i Efraima ny Kananita mandraka androany ka ampanaovina fanompoana.

17 Ary nahazo zara-tany tamin' ny filokana koa ny firenen' i Manase (fa izy no lahimatoan' i Josefa), dia Makira, lahimatoan' i Manase, rain' i Gileada, fa izy no mpanafika ka nahazo an' i Gileada sy Basana. **2** Ary nisy koa ho an' ny taranak' i Manase sisa araka ny fokony, dia ho an' ny taranak' i Abiezera sy Heleka sy Asriela sy Sekema sy Hefera ary Semida: ireo no zanakalahin' i Manase, zanak' i Josefa, araka ny fokony. **3** Fa Zelofada, zanak' i Hefera, zanak' i Gileada, zanak' i Matira, zanak' i Manase, kosa tsy mba nanan-janakalahy, fa zanakavavy ihany; ary izao no anaran' ny zananivavy: Mahala sy Noa sy Hogla sy Milka ary Tirza. **4** Dia nanatona teo anatrehan' i Eleazara mpisorona sy Josoa, zanak' i Nona, ary ny loholona izy ireo ka nanao hoe: Jehovah efa nandidy an' i Mosesy hanome anay zara-tany eo amin' ny anadahinay. Ary dia nomeny lova teo amin' ny rahalahin-drainy izy araka ny didin' i Jehovah. **5** Dia nahazo anjaram-polo Manase afa-tsy ny tany Gileada sy Basana, izay any an-dafin' i Jordana, **6** satria ny zanakavavin' i Manase niara-nahazo lova tamin' ny zananilahy; ary ny tany Gileada dia an' ny

zanakalahin' i Manase sisa. **7** Ary ny fari-tanin' i Manase dia hatrany Asera ka hatrany Mikmeta, tandrifin' i Sekema, dia nandroso tamin' ny ankavanana hatramin' ny mponina any En-tapoa. **8** Ary an' i Manase ny tany Tapoa; fa Tapoa kosa, izay eo amin' ny fari-tanin' i Manase, dia an' ny taranak' i Efraima. **9** Ary ny fari-taniny dia nidina hatreo atsimon' ny lohasahan-driak' i Kana; ireo tanana teo amin' ny tanànan' i Manase ireo dia an' i Efraima; ary ny faritaniny Manase dia teo avaratry ny lohasahan-driaka, ka dia nihatra tamin' ny ranomasina. **10** Ny atsimo dia an' i Efraima, ary ny avaratra dia an' i Manase, ary ny ranomasina no faritaniny; ary nihatra tamin' i Asera teo avaratra sy tamin' Isakara teo atsinanana izy. **11** Ary Manase nahazo anjara koa teo amin' Isakara sy teo amin' i Asera, dia Beti-sana sy ny zana-bohiny ary Ibleama sy ny zana-bohiny ay ny mponina any Dora sy ny zana-bohiny ary ny mponina any En-dora koa sy ny zana-bohiny ary ny mponina any Tanaka sy ny zana-bohiny ary ny mponina any Megido sy ny zana-bohiny, dia amin' ny havoana telo ireo. **12** Kanefa tsy nahazo ireo tanàna ireo ny taranak' i Manase: fa tian' ny Kananita hitoerana indrindra izany tany izany. **13** Fa rehefa nihahery ny Zanak' Isiraely dia nampanao fanompoana ny Kananita izy, fa tsy nandroaka azy rehetra. **14** Dia niteny tamin' i Josoa ny taranak' i Josefa ka nanao hoe: Nahoana no lova iray sy anjara iray ihany no nomenao ahy, kanefa aho efa tonga firenena lehibe, fa notahin' Jehovah toy izao mandraka ankehitriny? **15** Dia hoy Josoa taminy: Raha firenena lehibe ary ianao, dia miakara any amin' ny ala, ka miteveza honenanao any amin' ny tanin' ny Perizita sy ny Refaïta, fa terỳ loatra aminao ny tany havoan' i Efraima. **16** Dia hoy ny taranak' i Josefa: Tsy ampy ho anay ny tany havoana; ary manana kalesy vy ny Kananita rehetra, izay monina any amin' ny tany lemaka, dia izay any Beti-sana sy ny zana-bohiny ary izay any amin' ny tany lemaka Jezirela. **17** Dia hoy Josoa tamin' ny taranak' i Josefa, dia Efraima sy Manase: Firenena lehibe ianao ka mahery indrindra: tsy anjara iray ihany no ho azonao, fa tany havoana koa; **18** fa ala izany ka tevezo, dia ho anao ny an-tsisiny: fa handroaka ny Kananita ianao, na dia manana kalesy vy aza izy ireo sady mahery.

18 Dia nivory tao Silo ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, ka nanangana ny trano-lay fihaonana tao. Ary ny tany dia resy teo anoloany. **2** Ary nisy firenena fito tamin' ny Zanak' Isiraely tsy mbola nahazo ny lovany. **3** Dia hoy Josoa tamin' ny Zanak' Isiraely: Mandra-pahoviana no hiahotrahoranareo tsy hiditra handova ny tany, izay omen' i Jehovah, Andriamanitry ny razanareo, anareo? **4** Mandoava telo lahy avy isam-pirenena, dia haniraka azy aho, ary hiainga izy ka handeha hitety ny tany ka hanoratra azy araka ny ho lovany, dia hiverina atỳ amiko. **5** Ary hizafa azy ho fito toko izy; ny Joda hitoetra any amin' ny taniny ao atsimo, ary ny taranak' i Josefa hitoetra any amin' ny taniny ao avaratra. **6** Ary soratinareo ny tany ka ataovy fito toko; ary ento atỳ amiko ny soratra, dia hanao filokana ho anareo eto anatrehan' i Jehovah Andriamanitsika aho. **7** Fa tsy mba manana anjara eo aminareo ny Levita; fa ny fisoronana amin' i Jehovah no lovany; ary Gada sy Robena sy ny antsasaky ny firenen' i Manase efa nahazo ny lovany any an-dafy atsinanan' i Jordana, izay nomen' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, azy. **8** Dia niainga ireo lehilahy ireo ka nandeha; ary Josoa nandidy izay nandeha hanoratra ny tany ka nanao hoe: Mandehana nitety ny tany, ka soraty izy, dia miverena atỳ amiko, ka eto Silo no hanaovako filokana ho anareo eo anatrehan' i Jehovah. **9** Dia lasa ireo lehilahy ireo ka nandeha nitety ny tany, dia nanoratra azy tamin' ny taratasy, ka nataony fito toko, araka ny tanàna, ary dia tafaverina tany amin' i Josoa tao an-toby tao Silo izy. **10** Ary Josoa dia nanao filokana ho azy tao Silo teo anatrehan' i Jehovah; ary tao no nizaran' i Josoa ny tany ho an' ny Zanak' Isiraely araka ny fizarany. **11** Dia nahazo ny loka ny firenena taranak' i Benjamina isam-pokony; ary ny faritry ny tany azony dia teo anelanelan' ny taranak' i Joda sy ny taranak' i Josefa. **12** Ary ny fari-taniny amin' ny lafiny avaratra dia hatrany Jordana ka niakatra hatramin' ny ilan' i Jeriko amin' ny avaratra, dia niakatra niankandrefana nahazo ny tany havoana, ka dia nihatra tamin' ny efitr' i Betavena, **13** hatreo dia nandroso hatrany Lozy, hatramin' ny ilany atsimon' i Lozy (Betela izany), dia nidina hatrany Atarot-adara ao amin' ny tendrombohitra atsimon' i Beti-horona ambany, **14** dia niolaka tamin' ny lafiny andrefana ka nianatsimo hatramin' ny tendrombohitra izay eo anoloan' i Beti-horona eo atsimo, ka dia nihatra any Kiriata-bala (Kiriata-jearima izany), tanànan' ny taranak' i Joda; izany no lafiny andrefana. **15** Ary ny lafiny atsimo dia hatramin' ny faran' i Kiriata-jearima; ary ny fari-tany dia nandroso niankandrefana ka nihatra tamin' ny loharanon' i Neftoa, **16** dia nidina hatramin' ny faran' ny tendrombohitra, izay tandrifin' ny lohasahan' ny taranak' i Hinoma, eo amin' ny Lohasahan' ny Refaïta eo avaratra, ka nidina hatramin' ny lohasahan' i Hinoma, hatramin' ny ilany atsimon' ny Jebosita, ka nidina hatrany En-rogela, **17** dia nizotra avy any avaratra ka nandroso hatrany En-semesy sy Gelilota, izay tandrifin' ny fiakarana Adomima, ka nidina hatramin' ny vaton' i Bohana, zanak' i Robena, **18** dia nandroso hatramin' ny ilany avaratra tandrifin' ny tani-hay ka nidina hatrany amin' ny tani-hay. **19** dia nandroso hatramin' ny ilany avaratr' i Beti-hogla, ka dia nihatra tamin' ny helodrano avaratra amin' ny Ranomasin-tsira, eo amin' ny farany atsimo amin' i Jordana; izany no lafiny atsimo. **20** Ary Jordana no fari-taniny atsinanana. Izany no lovan' ny taranak' i Benjamina amin' ny fari-taniny manodidina araka ny fokony. **21** Ary ny tanànan' ny firenena taranak' i Benjamina araka ny fokony dia Jeriko sy Beti-hogla ary ny lohasahan' i Keziza **22** sy Bet-arabà sy Zemaraima sy Betela **23** sy Avima sy Para sy Ofra **24** sy Kefara-hamony sy Ofny sy Geba: tanàna roa ambin' ny folo sy ny zana-bohiny; **25** sy Gibeona sy Rama sy Berota **26** sy Mizpa sy Kefira sy Moza **27** sy Rekema sy Iripela sy Tarala **28** sy Zela sy Elefa sy ny Jebosita (Jerosalema izany) sy Gibea sy Kiriata: tanàna efatra ambin' ny folo sy ny zana-bohiny. Izany no lovan' ny taranak' i Benjamina araka ny fokony.

19 Ary ny loka faharoa dia azon' i Simeona, dia ny
firenena taranak' i Simeona isam-pokony; ary ny
lovany dia tao anatin' ny lovan' ny taranak' i Joda. **2** Ary
izao no azony ho lovany: Beri-sheba, na Seba, sy Molada **3**
sy Hazara-soala sy Bala sy Azema **4** sy Eltolada sy Betola
sy Horma **5** sy Ziklaga sy Beti-markabota sy Hazara-sosa
6 sy Beti-lebaota ary Sarohena: tanàna telo ambin' ny folo
sy ny zana-bohiny; **7** sy Aina sy Rimona sy Etera sy Asana:
tanàna efatra sy ny zana-bohiny; **8** ary ny zana-bohitra
rehetra manodidina ireo tanàna ireo hatrany Baleta-bera sy
Rama amin' ny tany atsimo. Izany no lovan' ny firenena
taranak' i Simeona araka ny fotony. **9** Avy tamin' ny anjaran'
ny taranak' i Joda no nahazoan' ny taranak' i Simeona ny
lovany; fa nalalaka loatra taminy ny anjaran' ny taranak' i
Joda, ka izany no nahazoan' ny taranak' i Simeona anjara
tao anatin' ny azy. **10** Ary ny loka fahatelo dia azon' ny
taranak' i Zebolona isam-pokony; ary ny faritanin' ny lovany
dia hatrany Sarida, **11** dia niakatra niankandrefana hatrany
Marala, dia nahazo an' i Dabeseta ka nihatra tamin' ny
lohasahan-driaka tandrifin' i Jokneama, **12** dia nitodika
niantsinanana hatrany Sarida ka hatramin' ny fari-tanin' i
Rislota-tabara, dia nandroso hatrany Daberata ka niakatra
hatrany Jafia, **13** dia nandroso niantsinanana hatrany Gata-
hefera sy Ita-kazina ka nandroso hatrany Rimona, izay
mipaka an' i Nea, **14** dia niolaka eo avaratr' iny ka nahazo
an' i Hanatona, dia nihatra tamin' ny lohasaha Jifta-ela. **15**
Ary Katata sy Nahalola sy Simrona sy Idala sy Betlehema,
dia tanàna roa ambin' ny folo sy ny zana-bohiny. **16** Izany
no lovan' ny taranak' i Zebolona araka ny fokony, dia ireo
tanàna ireo sy ny zana-bohiny. **17** Ary ny loka fahefatra
dia azon' Isakara, dia ny taranak' Isakara isam-pokony.
18 Ary ny fari-taniny dia hatrany Jezirela sy Kesolota sy
Sonema **19** sy Hafraima sy Siona sy Anaharata **20** sy
Rabita sy Kisiona sy Abeza **21** sy Rameta sy Enganima sy
Enhada ary Beti-pazeza. **22** Ary ny fari-taniny dia nahazo
an' i Tabara sy Sahazoma sy Beti-semesy, ka dia nihatra
tany Jordana: tanàna enina ambin' ny folo sy ny zana-
bohiny. **23** Izany no lovan' ny firenena taranak' Isakara
araka ny fokony, dia ireo tanàna ireo sy ny zana-bohiny.
24 Ary ny loka fahadimy dia azon' ny firenena taranak' i
Asera isam-pokony. **25** Ary ny fari-taniny dia Helkata sy
Haly sy Batena sy Aksafa **26** sy Alameleka sy Amada sy
Misala, dia nihatra any Karmela eo andrefana sy Sihora-
libnata, **27** dia nitodika niantsinanana ho any Beti-dagona
ka nihatra any Zebolona sy ny lohasaha Jifta-ela any
avaratra sy Bet-emeka sy Neiela, ka dia nihatra any Kabola
eo ankavia **28** ary Ebrona sy Rehoba sy Hamona sy Kana
ka hatrany Sidona lehibe, **29** dia nitodika hatrany Rama sy
Tyro, tanàna mimanda, dia nitodika hatrany Hosa, ka dia
nihatra tamin' ny ranomasina teo akaikin' ny tany Akziba
30 ary Oma sy Afeka ary Rehoba: tanàna roa amby roa-
polo sy ny zana-bohiny. **31** Izany no lovan' ny firenena
taranak' i Asera araka ny fokony, dia ireo tanàna ireo sy ny
zana-bohiny. **32** Ary ny loka fahenina dia an' ny taranak'
i Naftaly isam-pokony. **33** Ary ny fari-taniny dia hatrany
Halefa ka hatramin' ny hazo terebinta ao Zananima sy
hatrany Adami-hanekeba sy Jabniela ka hatrany Lakoma,
ka dia nihatra an' i Jordana, **34** dia nitodika niankandrefana
hatrany Aznota-tabara, dia nandroso hatrany Hokoka ary
nihatra an' i Zebolona eo atsimo sy Asera eo andrefana ary
Joda amoron' i Jordana eo atsinanana. **35** Ary ny tanàna
mimanda dia Zidima Zera sy Hamata sy Rakata sy Kinereta
36 sy Adama sy Rama sy Hazora **37** sy Kadesy sy Edrehy
sy En-hazora **38** sy Irona sy Migda ela sy Horema sy
Bet-anata ary Beti-semesy: tanàna sivy ambin' ny folo sy
ny zana-bohiny. **39** Izany no lovan' ny firenena taranak' i
Naftaly araka ny fokony, dia ireo tanàna ireo sy ny zana-
bohiny. **40** Ary ny loka fahafito dia an' ny firenena taranak'
i Dana isam-pokony. **41** Ary ny fari-tanin' ny lovany dia
Zora sy Estaola sy Ira-semesy **42** sy Salabima sy Aialona
sy Jitla **43** sy Elona sy Timna sy Ekrona **44** sy Elteke sy
Gibetona sy Baleta **45** sy Jehoda sy Bene-beraka sy Gat-
rimona **46** sy Me-jarkona sy Rakona ary ny tany tandrifin' i
Jopa. **47** Ary ny fari-tanin' ny taranak' i Dana dia nandroso
nihoatra ireo; fa niakatra ny taranak' i Dana, dia niady
tamin' i Lesema ka nahafaka azy ary namely azy tamin'
ny lelan-tsabatra ka nahazo azy, dia nitoetra teo; ary ny
anaran' i Lesema nataony hoe Dana araka ny anaran' i
Dana rainy. **48** Izany no lovan' ny firenena taranak' i Dana
araka ny fokony, dia ireo tanàna ireo sy ny zana-bohiny.
49 Dia vitany ny nizarana ny tany holovany araka ny fari-
taniny, ka dia nomen' ny Zanak' Isiraely lova teo aminy koa
Josoa, zanak' i Nona. **50** Araka ny tenin' i Jehovah dia
nomeny azy ny tanàna izay nangatahiny, dia Timnata-sera
any amin' ny tany havoan' i Efraima: dia nanamboatra ny
tanàna izy ka nitoetra tao. **51** Ireo no lova izay nozarain' i
Eleazara mpisorona sy Josoa, zanak' i Nona, ary ny lohan'
ny fianakaviana tamin' ny firenen' ny Zanak' Isiraely tao
Silo teo anatrehan' i Jehovah, dia teo am-baravaran' ny
trano-lay fihaonana, araka ny filokana. Dia vitany avokoa
ny nizarany ny tany.

20 Ary Jehovah niteny tamin' i Josoa ka nanao hoe:
2 Lazao amin' ny Zanak' Isiraely hoe: Fidio ny tanàna
fandosirana izay nasaiko nolazain' i Mosesy taminareo, **3**
handosiran' izay nahafaty olona tsy nahy; dia ho fandosirana
ho anareo izany mba tsy ho azon' ny mpamaly rà **4** Ary
raha misy mandositra ho ao amin' ny anankiray amin' ireo
tanàna ireo ka mijanona eo anoloan' ny vavahady ary
mandahatra ny teniny eo anatrehan' ny loholona amin'
izany tanàna izany, dia hampidiriny ho ao an-tanàna izy
ka homeny toerana, mba hitoetra ao aminy. **5** Ary raha
manenjika azy ny mpamaly rà, dia tsy hanolotra ilay
nahafaty olona ho eo an-tànany izy, satria nahafaty tsy
nahy ny namany, fa tsy dia nankahala azy teo aloha. **6** Dia
hitoetra ao amin' izany tanàna izany izy mandra-pisehony eo
anatrehan' ny fiangonana hotsaraina, sy mandra-pahafatin'
izay mpisoronabe amin' izany andro izany; dia hiverina ilay
nahafaty olona ka hody any an-tanànany sy any an-tranony,
dia any amin' ny tanàna izay nialany fony izy nandositra. **7**
Dia nanokana an' i Kadesy any Galilia any amin' ny tany
havoan' i Naftaly izy sy Sekema any amin' ny tany havoan'
i Efraima ary Kiriat-arba (Hebrona izany) any amin' ny tany
havoan' i Joda. **8** Ary dia nifidy an' i Bezera any an-efitra

amin' ny tany lemaka izay an' ny firenen' i Robena izy, ary Ramota izay any Gileada, an' ny firenen' i Gada, ary Golana any Basana, izay an' ny firenen' i Manase, any an-dafy atsinanan' i Jordana, tandrifin' i Jeriko. **9** Ireo no tanàna voafidy ho an' ny Zanak' Isiraely rehetra sy ny vahiny eo aminy handosiran' izay rehetra nahafaty olona tsy nahy, mba tsy ho fatin' ny tanan' ny mpamaly rà izy mandra-pisehony eo anatrehan' ny fiangonana.

21 Ary ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny Levita dia nanatona an' i Eleazara mpisorona sy Josoa, zanak' i Nona, ary ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny firenen' ny Zanak' Isiraely **2** ka niteny taminy tao Silo tao amin' ny tany Kanana hoe: Jehovah efa nampandidy an' i Mosesy mba homena tanàna hitoerana izahay sy tany manodidina azy ho an' ny biby fiompinay. **3** Dia avy tamin' ny lovany no nanomezan' ny Zanak' Isiraely ny Levita izao tanàna izao sy ny tany manodidina azy avy araka ny didin' i Jehovah. **4** Dia nahazo loka ny fokon' ny Kehatita; ary ny loka azon' ny taranak' i Arona mpisorona isan' ny Levita dia tanàna telo ambin' ny folo, avy tamin' ny firenen' i Joda sy ny firenen' i Simeona ary ny firenen' i Benjamina. **5** Ary ny loka azon' ny taranak' i Kehata sisa dia tanàna folo, avy tamin' ny fokon' ny firenen' i Efraima sy ny firenen' i Dana ary ny antsasaky ny firenen' i Manase. **6** Ary ny loka azon' ny taranak' i Gersona dia tanàna telo ambin' ny folo, avy tamin' ny fokon' ny firenen' Isakara sy ny firenen' i Asera sy ny firenen' i Naftaly ary tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase any Basana. **7** Ary ny loka azon' ny taranak' i Merary isam-pokony dia tanàna roa ambin' ny folo, avy tamin' ny firenen' i Robena sy ny firenen' i Gada ary ny firenen' i Zebolona. **8** Dia nomen' ny Zanak' Isiraely ny Levita tamin' ny filokana ireo tanàna ireo sy ny tany manodidina azy avy, araka izay nasain' i Jehovah nandidian' i Mosesy. **9** Dia nomeny avy tamin' ny firenena taranak' i Joda sy ny firenena taranak' i Simeona ireto tanàna hotononina ireto, **10** izay azon' ny taranak' i Arona, isam-pokon' ny taranak' i Kehata, amin' ny taranak' i Levy; fa azy ny loka voalohany. **11** Dia nomeny azy ny tanànan' i Arba, rain' i Anàka (Hebrona izany), any amin' ny tany havoan' i Joda, mbamin' ny tany manodidina azy. **12** Fa ny saha momba ny tanàna sy ny zana-bohiny dia nomeny ho lovan' i Kaleba, zanak' i Jefone. **13** Dia nomeny ny taranak' i Arona mpisorona Hebrona sy ny tany manodidina azy, ho tanàna fandosirana ho an' izay nahafaty olona, ary Libna sy ny tany manodidina azy **14** ary Jatira sy ny tany manodidina azy ary Estemoa sy ny tany manodidina azy, **15** ary Holona sy ny tany manodidina azy ary Debira sy ny tany manodidina azy, **16** ary Aina sy ny tany manodidina azy ary Jota sy ny tany manodidina azy ary Beti-semesy sy ny tany manodidina azy: tanàna sivy avy tamin' ireo firenena roa ireo; **17** ary avy tamin' ny firenen' i Benjamina dia Gibeona sy ny tany manodidina azy ary Geba sy ny tany manodidina azy **18** ary Anatota sy ny tany manodidina azy ary Almona sy ny tany manodidina azy, dia tanàna efatra. **19** Ny tanàna rehetra an' ny mpisorona, taranak' i Arona, dia telo ambin' ny folo ary ny tany manodidina azy avy. **20** Ary ny amin' ny taranak' i Rehata, dia ny Levita sisa tamin' ny taranak' i Kehata, ny tanàna azony tamin' ny filokana dia avy tamin' ny firenen' i Efraima. **21** Dia nomeny azy Sekema sy ny tany manodidina azy any amin' ny tany havoan' i Efraima, ho tanàna fandosirana ho an' izay nahafaty olona, ary Gazera sy ny tany manodidina azy **22** ary Kibzaima sy ny tany manodidina azy ary Beti-horona sy ny tany manodidina azy: tanàna efatra; **23** ary avy tamin' ny firenen' i Dana dia Elteke sy ny tany manodidina azy ary Gibetona sy ny tany manodidina azy. **24** ary Aialona sy ny tany manodidina azy ary Gata-rimona sy ny tany manodidina azy: tanàna efatra; **25** ary avy tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase dia Tanaka sy ny tany manodidina azy ary Gata-rimona sy ny tany tany manodidina azy: tanàna roa. **26** Ny tanàna rehetra azon' ny fokon' ny taranak' i Kehata sisa dia folo ary ny tany manodidina azy avy. **27** Ary izao no azon' ny taranak' i Gersona isan' ny fokon' ny Levita; avy tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase dia Golana any Basana sy ny tany manodidina azy, ho tanàna fandosirana ho an' izay nahafaty olona, ary Bestera sy ny tany manodidina azy, dia tanàna roa; **28** ary avy tamin' ny firenen' Isakara dia Kisiona sy ny tany manodidina azy ary Daberata sy ny tany manodidina azy, **29** ary Jarmota sy ny tany manodidina azy ary Enganima sy ny tany manodidina azy, dia tanàna efatra; **30** ary avy tamin' ny firenen' i Asera dia Misala sy ny tany manodidina azy ary Abdona sy ny tany manodidina azy **31** ary Helkata sy ny tany manodidina azy ary Rehoba sy ny ràny manodidina azy, dia tanàna efatra; **32** ary avy tamin' ny firenen' i Naftaly dia Kadesy any Galilia sy ny tany manodidina azy, ho tanàna fandosirana ho an' izay nahafaty olona, ary Hamota dora sy ny tany manodidina azy ary Kanana sy ny tany manodidina azy, dia tanàna telo. **33** Ny tanàna rehetra an' ny Gersonita isam-potony dia telo ambin' ny folo ary ny tany manodidina azy avy. **34** Ary izao no azon' ny fokon' ny taranak' i Merary, izay Levita sisa: avy tamin' ny firenen' i Zebolona dia Jokneama sy ny tany manodidina azy ary Karta sy ny tany manodidina azy, **35** ary Dimna sy ny tany manodidina azy ary Nahalola sy ny tany manodidina azy, dia tanàna efatra; **36** ary avy tamin' ny firenen' i Robena dia Bezera sy ny tany manodidina azy ary Jahaza sy ny tany manodidina azy, **37** ary Kedemota sy ny tany manodidina azy ary Mefata sy ny tany manodidina azy, dia tanàna efatra; **38** ary avy tamin' ny firenen' i Gada dia Ramota any Gileada sy ny tany manodidina azy, ho tanàna fandosirana ho an' izay nahafaty olona, ary Mahanaima sy ny tany manodidina azy **39** ary Hesbona sy ny tany manodidina azy ary Jazera sy ny tany manodidina azy, dia tanàna efatra izy rehetra. **40** Ny tanàna rehetra an' ny taranak' i Merary araka ny fokony, izay sisa tamin' ny fokon' ny Levita, dia tanàna roa ambin' ny folo no loka azony. **41** Ny tanàna rehetra an' ny Levita teo anatin' ny lovan' ny Zanak' Isiraely dia valo amby efa-polo sy ny tany manodidina azy avy. **42** Ireo tanàna ireo samy manana ny taniny manodidina azy avy; tahaka izany avokoa ireo tanàna rehetra ireo. **43** Dia nomen' i Jehovah ny Isiraely ny tany rehetra izay efa nianianany homena ny razany; ary nandova izany izy ireo ka nonina teo, **44** Dia nomen' i

Jehovah fitsaharana amin' ny manodidina izy, araka izay rehetra nianiananany tamin' ny razany, ka tsy nisy lehilahy tamin' ny fahavalony rehetra nahajanona teo anoloany; fa natolotr' i Jehovah teo an-tànany avokoa ny fahavalony rehetra. **45** Tsy nisy latsata na dia kely akory aza ny zava-tsoa rehetra izay nolazain' i Jehovah tamin' ny taranak' Isiraely; fa tanteraka avokoa izany rehetra izany.

22 Ary tamin' izay dia nantsoin' i Josoa ny Robenita sy ny Gadita sy ny antsasaky ny firenen' i Manase, **2** ka hoy izy taminy: Hianareo efa nitandrina izay rehetra nandidian' i Mosesy mpanompon' i Jehovah anareo sady efa nihaino ny feoko koa tamin izay rehetra nandidiako anareo; **3** tsy nilaozanareo ny rahalahinareo hatramin' izany andro maro izany ka mandraka androany fa notandremanareo ny lalàna nasain' i Jehovah Andriamanitrareo notandremanareo. **4** Ary ankehitriny dia efa nomen' i Jehovah Andriamanitrareo fitsaharana ny rahalahinareo, araka izay nolazainy taminy; koa modia ankehitriny, ka mankanesa any amin' ny lainareo avy, ho any amin' ny taninareo, izay nomen' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, anareo any an-dafin' i Jordana. **5** Kanefa mitandrema tsara mba hanaraka ny didy sy ny lalàna izay nandidian' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, anareo, hitiavanareo an' i Jehovah Andriamanitrareo sy handehananareo amin' ny lalany rehetra sy hitandremanareo ny didiny sy hifikiranareo aminy ary hanompoanareo Azy amin' ny fonareo rehetra sy ny fanahinareo rehetra. **6** Dia nitso-drano azy Josoa ka nampody azy; dia lasa nankany amin' ny lainy avy izy. **7** Ary ny antsasaky ny firenen' i Manase efa nomen' i Mosesy lova tany Basana; fa ny antsasany kosa efa nomen' i Josoa teo amin' ny rahalahiny etỳ an-dafy andrefan' i Jordana. Ary raha nampodin' i Josoa ho any amin' ny lainy koa ireo, dia notsofiny rano izy **8** ka nilazany hoe: Modia ho any amin' ny lainareo avy ianareo, mitondra harena be sy omby aman' ondry be indrindra sy volafotsy sy volamena sy varahina sy vy ary fitafiana be dia be; ary iombony amin' ny rahalahinareo ny babo azo tamin' ny fahavalonareo. **9** Dia nody ny taranak' i Robena sy Gada ary ny antsasaky ny firenen' i Manase ka nandao ny Zanak' Isiraely tao Silo, izay ao amin' ny tany Kanana, hankany amin' ny tany Gileada ho any amin' ny zara-taniny, izay azony araka ny tenin' i Jehovah nasainy nolazain' i Mosesy. **10** Ary raha tonga teo amoron' i Jordana eo amin' ny tany Kanana ny taranak' i Robena sy Gada ary ny antsasaky ny firenen' i Manase, dia nanorina alitara teo izy, ary lehibe ny fijery izany alitara izany. **11** Ary ny Zanak' Isiraely nahare hoe: Indreo, ny taranak' i Robena sy Gada ary ny antsasaky ny firenen' i Manase efa nanorina alitara an-tsisin' ny tany Kanana, eo amoron' i Jordana, anatin' ny tanin' ny Zanak' Isiraely. **12** Ary nony ren' ny Zanak' Isiraely izany, dia niangona tao Silo ny fiangonana, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, mba hiakatra hiady aminy. **13** Dia naniraka an' i Finehasa, zanak' i Eleazara mpisorona, ny Zanak' Isiraely ho any amin' ny taranak' i Robena sy Gada ary ny antsasaky ny firenen' i Manase, any amin' ny tany Gileada, **14** sy loholona folo lahy koa niaraka taminy, dia loholona iray isam-pirenena tamin' ny Isiraely rehetra: samy lohan' ny fianakaviany tamin' ny arivon' ny Isiraely ireo. **15** Dia tonga tany amin' ny taranak' i Robena sy Gada ary ny antsasaky ny firenen' i Manase tany amin' ny tany Gileada ireo ka niteny taminy hoe: **16** Izao no lazain' ny fiangonan' i Jehovah rehetra: Inona izato fahotana nataonareo amin' Andriamanitry ny Isiraely, no niala tamin' ny fanarahana an' i Jehovah ianareo androany tamin' ny nanorenanareo alitara ka miodina amin i Jehovah ankehitriny? **17** Zavatra kely loatra amintsika va ilay heloka ny amin' i Peora, izay tsy mbola nahadiovantsika ny tenantsika ho afaka amin' izany mandraka androany na dia efa nisy aza ilay aretimandringana tamin' ny fiangonan' i Jehovah, **18** no dia mihodìna miala amin' ny fanarahana an' i Jehovah ianareo anio? Raha miodina amin' i Jehovah ianareo anio, dia ho tezitra amin' ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, Izy rahampitso. **19** Kanefa raha maloto ny taninareo, dia mità ho any amin' ny tanin' i Jehovah, izay itoeran' ny tabernakelin' i Jehovah, ka any aminay maka fonenana; fa aza miodina amin' i Jehovah, na miodina aminay, amin' ny anorenanareo alitara afa-tsy ny alitaran' i Jehovah Andriamanitsika. **20** Tsy nandika ny didy va Akana, zanak' i Zera, tamin' ny zavatra voaozona, ka nisy fahatezerana nahatratra ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra? Ary tsy io lehilahy irery io ihany no maty tamin' izany helony izany. **21** Dia namaly ny taranak' i Robena sy Gada ary ny antsasaky ny firenen' i Manase ka nanao tamin' ny mpifehy arivo tamin' ny Isiraely hoe: **22** Andriamanitra Andriananahary, dia Jehovah eny Andriamanitra Andriananahary, dia Jehovah, Izy no mahalala, ary ny Isiraely hahalala koa; raha fiodinana na fahadisoana amin' i Jehovah (aza mba mamonjy anay akory Hianao anio), **23** raha izany no nanorenanay alitara, mba hiala amin' ny fanarahana an' i Jehovah, na hanatitra fanatitra dorana, na fanatitra hohanina, na fanati-pihavanana, eo amboniny dia aoka Jehovah no hanadina; **24** fa tahotra tokoa no anton' ny nanaovanay izao; fa hoy izahay: Rahatrizay dia hanontany ny taranakay ny taranakareo hoe: Moa mifaninona akory ianareo sy Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely? **25** fa Jordana no nataon' i Jehovah ho faritra eo anelanelantsika, ry taranak' i Robena sy Gada, ka tsy manana anjara amin' i Jehovah ianareo; ka dia hampitsaharan' ny taranakareo tsy hatahotra an' i Jehovah ny taranakay, **26** Dia hoy izahay: Aoka isika hanorina alitara ho antsika, tsy hanaterana fanatitra dorana anefa, na fanatitra hafa alatsa-drà, **27** fa mba ho vavolombelona ho amintsika sy ny taranatsika mandimby antsika, hanaovanay ny fanompoana an' i Jehovah eo anatrehany amin' ny hanaterana fanatitra dorana sy fanatitra hafa alatsa-drà ary fanati-pihavanana mba tsy holazain' ny taranakareo amin' ny taranakay rahatrizay hoe: Tsy manana anjara amin' i Jehovah ianareo. **28** Ary hoy izahay: Raha tàhiny lazainy aminay na ny taranakay izany rahatrizay, dia hataonay hoe: Jereo ny endriky ny alitaran' i Jehovah, izay nataon' ny razanay, tsy hanaterana fanatitra, dorana anefa na fanatitra hafa alatsa-drà, fa mba ho vavolombelona ho amintsika roa tonta. **29** Sanatria aminay raha hiodina amin' i Jehovah ka hiala anio amin' ny fanarahana an' i Jehovah hanorina alitara hanaterana fanatitra dorana, na

fanatitra hohanina, na fanatitra hafa alatsa-drà, afa-tsy ny alitaran' i Jehovah Andriamanitsika, izay eo anoloan' ny tabernakeliny. **30** Ary rehefa ren' i Finehasa mpisorona sy ny lohan' ny fiangonana, dia ny mpifehy arivo tamin' ny Isiraely, izay niaraka taminy, ny teny izay nolazain' ny taranak' i Robena sy Gada ary ny taranak' i Manase, dia sitrany izany. **31** Ary hoy Finehasa, zanak' i Eleazara mpisorona, tamin' ny taranak' i Robena sy Gada ary ny taranak' i Manase: Fantatray anio fa eto amintsika Jehovah, satria tsy nanao izany fahadisoana izany tamin' i Jehovah ianareo; ary amin' izany dia efa namonjy ny Zanak' Isiraely tamin' ny tànan' i Jehovah ianareo. **32** Ary Finehasa, zanak' i Eleazara mpisorona, sy ny loholona dia niverina nandao ny taranak' i Robena sy Gada tany amin' ny tany Gileada ka nankany amin' ny tany Kanana ho any amin' ny Zanak' Isiraely ary nitondra valin-teny ho any aminy. **33** Ary sitraky ny zanak' Isiraely izany, dia nisaotra an' Andriamanitra ny Zanak' Isiraely ka tsy nihevitra hiakatra hiady aminy intsony handrava ny tany izay nonenan' ny taranak' i Robena sy Gada. **34** Dia nasian' ny taranak' i Robena sy Gada anarana hoe Edy ilay alitara fa vavolombelona ho amintsika roa tonta io fa Jehovah no Andriamanitra.

23 Ary rehefa ela, taorian' ny nanomezan' i Jehovah fitsaharana ho an' ny Isiraely ho afaka amin' ny fahavalony rehetra manodidina, ary Josoa dia efa zoki-olona sady nandroso fahanterana, **2** dia nantsoin' i Josoa ny Isiraely rehetra, dia ny loholony sy ny lehibeny sy ny mpitsara azy ary ny mpifehy azy, ka hoy izy taminy: Efa zoki-olona aho izao ka mandroso fahanterana, **3** ary ianareo efa nahita izay rehetra nataon' i Jehovah Andriamanitrareo tamin' ireo firenena rehetra ireo teo anoloanareo; fa Jehovah Andriamanitrareo no niady ho anareo. **4** Indreo, efa voazarako ho lovan' ny firenenareo tamin' ny filokana ireo firenena sisa ireo, hatrany Jordana, mbamin' ny firenena rehetra izay nofongorako, ka hatramin' ny Ranomasina Lehibe andrefana. **5** Ary Jehovah Andriamanitrareo, Izy no handroaka ireny eo anoloanareo, dia hampiala azy eo anoloanareo; ary handova ny taniny ianareo araka izay nolazain' i Jehovah Andriamanitrareo taminareo. **6** Dia mahereza tsara ianareo hitandrina sy hanao izay rehetra voasoratra ao amin' ny bokin' ny lalàn' i Mosesy, mba tsy hivilianareo hiala aminy na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia, **7** mba tsy hankanesanareo any amin' ireo firenena sisa eo aminareo ireo; ny anaran' ny andriamaniny dia aoka tsy hotononinareo na hampianianananareo akory, ary aza manompo azy na miankohoka eo anatrehany; **8** fa Jehovah Andriamanitrareo ihany no ifikiro, araka ny nataonareo mandraka androany. **9** Fa nandroaka firenena lehibe sy mahery teo anoloanareo Jehovah; ary dia tsy nisy olona nahajanona teo anoloanareo mandraka androany. **10** Ny lehilahy iray aminareo manenjika ny arivo; fa Jehovah Andriamanitrareo, Izy no miady ho anareo, araka izay nolazainy taminareo. **11** Dia tandremo tsara ny fanahinareo mba ho tia an' i Jehovah Andriamanitrareo. **12** Fa raha mihemotra ianareo ka miray aminareo ireo firenena sisa eo aminareo ireo ary mifanambady aminy ka miditra ao aminy, ary izy kosa ao aminareo, **13** dia ho fantatrareo tokoa fa tsy handroaka ireo firenena ireo eo anoloanareo intsony Jehovah Andriamanitrareo; fa ho fandrika sy tonta aminareo ireo, ary ho fanindronana amin' ny tehezanareo, sy ho tsilo eo amin' ny masonareo, mandra-pahalany ritranareo tsy ho eo amin' ity tany soa nomen' i Jehovah Andriamanitrareo anareo ity. **14** Ary, indro, efa handeha ho amin' ny lalana falehan' ny tany rehetra aho izao; ary fantatrareo ao amin' ny fonareo rehetra sy ny fanahinareo rehetra fa tsy misy latsaka na dia zavatra iray akory aza ny zava-tsoa rehetra izay nilazan' i Jehovah Andriamanitrareo anareo; efa tanteraka taminareo avokoa izy rehetra: tsy nisy latsaka izy na dia zavatra iray akory aza. **15** Ary tahaka ny efa nanatanterahana taminareo ny zava-tsoa rehetra, izay nolazain' i Jehovah Andriamanitrareo taminareo, no hanatanterahan' i Jehovah aminareo kosa ny loza rehetra mandra-paharingany anareo tsy ho eo amin' ity tany soa nomen' i Jehovah Andriamanitrareo anareo ity. **16** Amin' izay hivadihanareo ny faneken' i Jehovah Andriamanitrareo, izay nandidiany anareo, sy handehananareo hanompo ireo andriamani-kafa ary hiankohofanareo eo anatrehany, dia hirehitra aminareo ny fahatezeran' i Jehovah, ary ho lany ringana faingana ianareo tsy ho eo amin' ny tany soa nomeny anareo.

24 Ary Josoa nanangona ny firenen' ny Isiraely rehetra tany Sekema ka niantso ny loholon' ny Isiraely sy ny lehibeny sy ny mpitsara azy ary ny mpifehy azy, ka dia niara-niseho teo anatrehan' Andriamanitra izy ireo. **2** Ary hoy Josoa tamin' ny vahoaka rehetra: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Tany an-dafin' ny Ony no nonenan' ny razanareo tany aloha, dia Tera, rain' i Abrahama sy Nahora; ary nanompo andriamani-kafa izy. **3** Dia naka an' i Abrahama razanareo avy tany an-dafin' ny Ony Aho ka nitondra azy nitety ny tany Kanana rehetra, dia nahamaro ny taranany ka nanome an' Isaka ho zanany. **4** Ary Isaka koa dia nomeko an' i Jakoba sy Esao ho zanany; ary nomeko ho lovan' i Esao ny tendrombohitra Seïra; fa Jakoba sy ny taranany kosa nankany Egypta. **5** Dia naniraka an' i Mosesy sy Arona Aho ka namely an' i Egypta, araka izay nataoko teo aminy; ary rehefa afaka izany, dia nitondra anareo nivoaka Aho. **6** Ary nony nitondra ny razanareo nivoaka avy tany Egypta Aho, dia tonga teo amin' ny ranomasina ianareo; ary nanenjika ny razanareo hatreo amin' ny Ranomasina Mena ny Egyptiana, nitaingina kalesy sy soavaly. **7** Dia nitaraina tamin' i Jehovah izy, ka nasiany maizina teo anelanelanareo sy ny Egyptiana, sady nakatony taminy ny ranomasina ka naony azy, ary ny masonareo nahita izay nataoko tany Egypta; ary nitoetra ela tany efitra ianareo. **8** Ary nentiko ho any amin' ny tanin' ny Amorita, izay nonina tany an-dafin' i Jordana ianareo; dia niady taminareo ireo; ary nanolotra azy teo an-tananareo Aho, mba handovanareo ny taniny, ary nandringana azy teo anoloanareo Aho. **9** Dia nitsangana Balaka, zanak' i Zipora, mpanjakan' i Moaba, ka niady tamin' ny Isiraely; dia naniraka ka nampaka an' i Balama, zanak' i Beora, izy hanozona anareo. **10** Fa tsy nety nihaino an' i Balama Aho,

koa nitahy anareo tokoa izy; ka dia namonjy anareo tamin' ny tànany Aho. **11** Ary nita an' i Jordana ianareo ka nankany Jeriko; dia niady taminareo ny mponina tao Jeriko mbamin' ny Amorita sy ny Perizita sy ny Kananita sy ny Hetita sy ny Girgasita sy ny Hivita ary ny Jebosita, ka natolotro teo antananareo ireny. **12** Dia nampandehaniko teo anoloanareo ny fanenitra, Izay nandroaka azy teo anoloanareo, dia ny mpanjaka roa tamin' ny Amorita, fa tsy tamin' ny sabatrao, na tamin' ny tsipìkanao. **13** Ary nomeko tany izay tsy nasainareo ianareo sy tanàna izay tsy naorinareo ianareo ka dia nonina tao ianareo; ary nihinana ny avy amin' ny tanim-boaloboka sy ny tanin' oliva izay tsy nataonareo ianareo. **14** Koa ankehitriny, matahora an' i Jehovah, ka manompoa Azy amin' ny fahitsiana sy ny fahamarinana; ary ario ny andriamanitra izay notompoin' ny razanareo tany an-dafin' ny Ony sy tany Egypta, ka manompoa an' i Jehovah. **15** Nefa raha tsy sitrakareo ny hanompo an' i Jehovah, dia fidionareo anio ary izay hotompoinareo, na ny andriamanitra izay notompoin' ny razanareo tany an-dafin' ny Ony, na ny andriamanitry ny Amorita, izay mponina teto amin' ny tany onenanareo; fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an' i Jehovah izahay. **16** Dia namaly ny vahoaka ka nanao hoe: Sanatria raha hahafoy an' i Jehovah izahay ka hanompo izay andriamani-kafa. **17** Fa Jehovah Andriamanitsika, Izy no nitondra antsika sy ny razantsika nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, tany amin' ny trano nahandevozana, ary Izy no nanao ireny famantarana lehibe ireny teo imasontsika ka niaro antsika teny amin' ny lalana rehetra nalehantsika sy teny amin' ny firenena rehetra izay notetezintsika. **18** Ary Jehovah nandroaka ny firenena rehetra teo anoloantsika, dia ny Amorita izay nonina teto amin' ny tany; koa izahay koa dia mba hanompo an' i Jehovah, fa Izy no Andriamanitsika. **19** Ary hoy Josoa tamin' ny vahoaka: Tsy mahay manompo an' i Jehovah ianareo; fa Andriamanitra masìna Izy, Andriamanitra saro-piaro Izy ka tsy hamela ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo. **20** Raha mahafoy an' i Jehovah ianareo ka manompo andriamani-kafa, dia hiverina Izy ka hampahory anareo sy hahafongana anareo, rehefa nasiany soa. **21** Dia hoy ny vahoaka tamin' i Josoa: Tsia; fa Jehovah ihany no hotompoinay. **22** Dia hoy Josoa tamin' ny vahoaka: Vavolombelona ho an' ny tenanareo ianareo fa efa nifidy an' i Jehovah hotompoinareo. Ary hoy ny olona: Eny vavolombelona izahay. **23** Arionareo ankehitriny ary ny andriamani-kafa, izay eo aminareo, ka ampanatony an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ny fonareo. **24** Dia hoy ny vahoaka tamin' i Josoa: Jehovah Andriamanitray no hotompoinay ary ny feony no hohenoinay **25** Ary dia nanao fanekena tamin' ny vahoaka Josoa tamin' izany andro izany ka nanome azy lalàna sy didy tany Sekema. **26** Dia nosoratan' i Josoa tao amin' ny bokin' ny lalàn' Andriamanitra ireo teny ireo, ary naka vato lehibe izy ka nanangana azy teo ambanin' ny hazo terebinta, izay teo anilan' ny fitoera-masin' i Jehovah. **27** Dia hoy Josoa tamin' ny vahoaka rehetra; Indro, io vato io ho vavolombelona amintsika; fa efa nahare ny teny rehetra nolazain' i Jehovah tamintsika io, dia ho vavolombelona aminareo io, fandrao handainga amin' Andriamanitrareo ianareo. **28** Dia nampodin' i Josoa ny vahoaka samy ho any amin' ny lovany avy. **29** Ary rehefa afaka izany zavatra izany, dia maty Josoa, zanak' i Nona, mpanompon' i Jehovah, rehefa folo amby zato taona ny androny. **30** Dia nalevina tao amin' ny faritanin' ny lovany izy, dia tao Timnata-sera, any amin' ny tany havoan' i Efraima, avaratry ny tendrombohitra Gasa. **31** Ary nanompo an' i Jehovah ny Isiraely tamin' ny andro rehetra niainan' i Josoa sy tamin' ny andro rehetra niainan' ny loholona izay velona taorian' i Josoa ka nahalala ny asa rehetra izay nataon' i Jehovah ho an' ny Isiraely **32** Ary ny taolan' i Josefa, izay efa nentin' ny Zanak' Isiraely avy tany Egypta, dia naleviny tao Sekema, tao amin' ny tany izay novidin' i Jakoba volafotsy zato tamin' ny zanak' i Hamora, rain' i Sekema; dia tonga lovan' ny taranak' i Josefa izany. **33** Dia maty koa Eleazara, zanak' i Arona, ka naleviny teo amin' ny havoan' i Finehasa zanany, izay nomena azy tany amin' ny tany havoan' i Efraima.

Mpitsara

1 Ary rehefa maty Josoa, dia nanontany tamin' i Jehovah ny Zanak' Isiraely hoe: Iza no hiakatra voalohany hiady amin' ny Kananita ho anay? **2** Dia hoy Jehovah: Joda no hiakatra; indro, efa nanolotra ny tany ho eo an-tànany Aho. **3** Ary hoy Joda tamin' i Simeona rahalahiny: Andeha hiara-miakatra amiko ianao ho any amin' ny lovako, ka aoka isika hiady amin' ny Kananita; ary izaho kosa dia handeha hiaraka aminao ho any amin' ny lovanao. Ary Simeona dia nandeha niaraka taminy. **4** Dia niakatra Joda, ary natolotr' i Jehovah teo an-tànany ny Kananita sy ny Perizita, ka nahafaty iray alin-dahy tany Bezeka izy. **5** Ary nahita an' i Adoni-bezeka tany Bezeka izy, dia niady taminy ka naharesy ny Kananita sy ny Perizita. **6** Nefa nandositra Adoni-bezeka; ary nanenjika azy izy ireto ka nisambotra azy, dia nanapaka ny ankihiben-tànany sy ny ankihiben-tongony. **7** Ary hoy Adoni-bezeka: Mpanjaka fito-polo voatapaka ny ankihiben-tànany sy ny ankihiben-tongony no nitsindroka hanina teo ambanin' ny latabatro; ka mba tahaka ny nataoko ihany lahy ity no navalin' Andriamanitra ahy! Ary nentin' ireo ho any Jerosalema izy ka maty tany. **8** Ary namely an' i Jerosalema ny taranak' i Joda, ka nahafaka azy, dia namely azy tamin' ny lelan-tsabatra ka nandoro ny tanàna. **9** Ary rehefa afaka izany, dia nidina ny taranak' i Joda hiady amin' ny Kananita izay nonina tany amin' ny tany havoana sy tany amin' ny tany atsimo ary tany amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka. **10** Dia nandeha Joda hiady amin' ny Kananita, izay nonina tany Hebrona (Kiriat-arba no anaran' i Hebrona taloha), ka namono an' i Sesay sy Ahimana ary Talmay. **11** Dia niala tao izy ka nandeha hiady amin' ny mponina any Debira (Kiriata-sefera no anaran' i Debira taloha). **12** Ary hoy Kaleba: Izay mamely an' i Kiriata-sefera ka mahafaka azy dia homeko azy Aksa zanako-vavy ho vadiny. **13** Ary Otniela, zanakalahin' i Kenaza, zandrin' i Kaleba, no nahafaka azy; ka dia nomeny azy Aksa zananivavy ho vadiny. **14** Ary rehefa voampakatra ravehivavy, dia nanome vava ny lahy hangataka saha tamin-drainy; dia niala faingana tamin' ny borikiny izy, ka hoy Kaleba taminy: Inona moa no ilainao? **15** Ary hoy izy: Omeo tso-drano aho; fa tany tsy misy rano no nomenao ahy ka mba omeo loharano koa aho. Dia nomen' i Kaleba azy ny loharano ambony sy ny loharano ambany. **16** Ary ny taranak' ilay Kenita, zaodahin' i Mosesy dia niara-niakatra tamin' ny taranak' i Joda niala tao amin' ny tanàna be rofia hankany an-efitr' i Joda, atsimon' i Arada nandeha ireo ka nonina teo amin' ny Isiraely. **17** Ary Joda nandeha niaraka tamin' i Simeona rahalahiny, dia namely ny Kananita, izay nonina tany Zefata, ka nataony ringana ireo, ary ny anaran' ny tanàna nataony hoe Horma. **18** Dia afak' i Joda Gaza sy ny sisin-taniny an Askelona sy ny sisin-taniny ary Ekrona sy ny sisin-taniny. **19** Ary Jehovah nomba an' i Joda, ka dia azony ny tany havoana; nefa tsy naharoaka ny mponina teny amin' ny tany lemaka izy, satria nanana kalesy vy ireny. **20** Ary Hebrona dia nomeny an' i Kaleba, araka izay efa nolazain' i Mosesy, ka noroahin' i Kaleba niala tao izy telo lahy, taranaky ny Anakita. **21** Ary ny taranak' i Benjamina tsy nandroaka ny Jebosita, izay mponina any Jerosalema; fa ny Jebosita dia miara-monina amin' ny taranak' i Benjamina any Jerosalema ihany mandraka androany. **22** Ary ny taranak' i Josefa dia niakatra koa hamely an' i Betela; ary Jehovah nomba azy. **23** Dia naniraka hisafo an' i Betela ny taranak' i Josefa (Lozy no anaran' ny tanàna taloha); **24** ary nahita lehilahy anankiray nivoaka avy tao an-tanàna ny mpisafo ka nanao taminy hoe: Mba atoroy kely anay ny fidirana mankao an-tanàna, dia hamindra fo aminao izahay. **25** Dia natoron-dralehilahy azy ny fidirana mankao an-tanàna, ka dia nasiany tamin' ny lelan-tsabatra ny tanàna; fa ralehilahy sy ny mpianakaviny rehetra dia navelany handeha. **26** Ary nandeha ho any amin' ny tanin' ny Hetita ralehilahy, ka nanorina tanàna izy, ary ny anarany dia nataony hoe Lozy, ary mbola izany ihany no anarany mandraka androany. **27** Ary Manase tsy nahafaka an' i Beti-sana sy ny zana-bohiny, na Tanaka sy ny zana-bohiny, sady tsy naharoaka ny mponina tany Dora sy ny zana-bohiny, na ny mponina tany Ibleama sy ny zana-bohiny, na ny mponina tany Megido sy ny zana-bohiny, satria tian' ny Kananita hitoerana indrindra izany tany izany. **28** Fa rehefa nihahery kosa ny Isiraely, dia nampanaoviny fanompoana ny Kananita, fa tsy nandroaka azy rehetra izy. **29** Ary Efraima tsy nandroaka ny Kananita, izay nonina tany Gazera; fa nonina teo aminy tany Gazera ny Kananita. **30** Zebolona tsy nandroaka ny mponina tany Kitrona, na ny mponina tany Nahalola; fa nonina teo aminy ny Kananita ka nampanaovina fanompoana. **31** Asera tsy nandroaka ny mponina tany Ako, na ny mponina tany Sidona, na ny tany Alaba, na ny tany Akziba, na ny tany Helba, na ny tany Afika, na ny tany Rehoba; **32** fa nonina teo amin' ny Kananita tompon-tany ny taranak' i Asera, fa tsy nandroaka azy. **33** Naftaly tsy nandroaka ny mponina tany Beti-semesy, na ny mponina tany Bet-anata; fa nonina teo amin' ny Kananita tompon-tany izy, kanefa nampanaoviny fanompoana ny mponina tany Beti-semesy sy Bet-anata. **34** Ary ny Amorita nanesika ny taranak' i Dana ho any amin' ny tany havoana, fa tsy namela azy hidina ho any amin' ny tany lemaka, **35** fa tian' ny Amorita hitoerana indrindra ny tendrombohitra Heresa sy ny tany Aialona sy Salbima; nefa nahery ny tanan' ny taranak' i Josefa, ka dia nampanaovina fanompoana ireo. **36** Ary ny fari-tanin' ny Amorita dia hatramin' ny fiakarana Akrabima ka hatramin' ilay harambato no ho mankany.

2 Ary Ilay Anjelin' i Jehovah niakatra avy tany Gilgala ka nankany Bokima, dia nanao hoe: Nitondra anareo niakatra avy tany Egypta Aho ka nampiditra anareo eto amin' ny tany izay nianianako tamin' ny razanareo homena azy, ka hoy Izaho: Tsy hanatsoaka ny fanekeko taminareo Aho mandrakizay; **2** koa aza manao fanekena amin' ny tompon-tany ianareo, fa ravao ny alitarany; kanefa tsy nihaino ny feoko ianareo; koa inona moa izao nataonareo izao? **3** Ary hoy Izaho indray: Tsy handroaka azy eo anoloanareo Aho; fa ho tsilo eo amin' ny tehezanareo sy ho fandrika aminareo ny andriamaniny. **4** Ary nony

niteny izany teny izany tamin' ny Zanak' Isiraely rehetra Ilay Anjelin' i Jehovah, dia nanandratra ny feony ny vahoaka ka nitomany. **5** Ary ny anaran' izany tany izany dia nataony hoe Bokima; ary namono zavatra teo izy hatao fanatitra ho an' i Jehovah. **6** Ary rehefa nampodin' i Josoa ny vahoaka, dia nandeha ho any amin' ny lovany avy ny Zanak' Isiraely rehetra handova ny tany. **7** Ary nanompo an' i Jehovah ny vahoaka tamin' ny andro rehetra niainan' i Josoa sy tamin' ny andro rehetra niainan' ny loholona izay velona taorian' i Josoa, dia ireo izay efa nahita ny asa lehibe rehetra nataon' i Jehovah ho an' ny Isiraely. **8** Ary maty Josoa, zanak' i Nona, mpanompon' i Jehovah, rehefa folo amby zato taona ny androny. **9** Dia nalevina tao anatin' ny fari-tanin' ny lovany izy, dia tao Timnata-heresa, any amin' ny tany havoan' i Efraima, avaratry ny tendrombohitra Gasa. **10** Ary izany taranaka rehetra izany koa dia voangona any amin' ny razany; ary taranaka hafa, izay tsy nahalala an' i Jehovah na ny asa efa nataony ho an' ny Isiraely, no nitsangana nandimby azy. **11** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah ny Zanak' Isiraely, fa nanompo ireo Bala **12** ka nahafoy an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, Izay nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, ka nanaraka andriamani-kafa amin' ny andriamanitry ny firenena manodidina azy, dia niankohoka teo anatrehany ka nampahatezitra an' i Jehovah. **13** Eny, nahafoy an' i Jehovah izy ka nanampo an' i Bala sy Astarta. **14** Dia nirehitra tamin' ny Isiraely ny fahatezeran' i Jehovah, ka natolony teo an-tànan' ny mpamabo izay namabo azy izy, ary namidiny ho eo an-tànan' ny fahavalony manodidina azy ka tsy nahajanona teo anoloan' ny fahavalony intsony. **15** Na taiza na taiza nivoahany, dia namely azy ny tanan' i Jehovah ka nampahory azy, araka izay efa nolazain' i Jehovah sy araka izay efa nianianany taminy; ka dia ory indrindra izy. **16** Kanefa Jehovah nanangana mpitsara izay namonjy azy tamin' ny tànan' ireo namabo azy. **17** Fa na dia ny mpitsara azy aza dia tsy mba nohenoiny, fa nandeha nijangajanga nanaraka andriamani-kafa izy ka niankohoka teo anatrehany; nivily faingana niala tamin' ny lalana izay nandehanan' ny razany nanaraka ny didin' i Jehovah izy, fa tsy mba nanaraka izany. **18** Ary rehefa nanangana mpitsara ho azy Jehovah, dia nomba izany mpitsara izany Izy ka namonjy ny olona tamin' ny tanan' ny fahavalony tamin' ny andro rehetra niainan' izany mpitsara izany; fa nalahelo azy Jehovah amin' ny fitarainany noho ireo nampahory sy nampalahelo azy. **19** Kanjo nony maty ilay mpitsara, dia nanao ratsy indray izy mihoatra noho ny nataon' ny razany, fa nanaraka andriamani-kafa sy nanompo azy ary niankohoka teo anatrehany izy; tsy nitsahatra tàmin' ny fanaony na tamin' ny lalana nanaovany ditra izy. **20** Dia nirehitra tamin' ny Isiraely ny fahatezeran' i Jehovah, ka hoy Izy: Satria nivadika ny fanekeko izay nandidiako ny razany ity firenena ity ka tsy nihaino ny feoko, **21** dia tsy handroaka olona eo anoloany intsony Aho amin' ny firenena izay tsy mbola resy hatramin' ny andro nahafatesan' i Josoa, **22** mba hizahako toetra ny Isiraely amin' ireny, na hitandrina ny lalan' i Jehovah ka handeha amin' izany araka izay nitandreman' ny razany izany izy, na tsia. **23** Dia navelan' i Jehovah ireny firenena ireny ka tsy noroahiny faingana; sady tsy voatolony teo an-tànan' i Josoa ireny.

3 Ary ny firenena navelan' i Jehovah ho entiny mizaha toetra ny Isiraely dia izay rehetra tsy mba nahita ny ady rehetra tany Kanana, **2** mba ho fantatry ny taranaky ny Zanak' Isiraely izany amin' ny hampianarany azy hiady, indrindra fa izay tsy mbola nahalala izany akory teo aloha; **3** dia ireo andriana dimy tamin' ny Filistina sy ny Kananita rehetra sy ny Sidoniana ary ny Hivita, izay nonina tany an-tendrombohitra Libanona, hatrao akaikin' i Bala-hermona ka hatramin' ny lalana mankany Hamata. **4** Ary nentina hizaha toetra ny Isiraely ireo mba hahalalana na hihaino ny didin' i Jehovah, izay nasainy nandidian' i Mosesy ny razany, izy, na tsia. **5** Ary ny Zanak' Isiraely nonina teo amin' ny Kananita sy ny Hetita sy ny Amorita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita. **6** Ary naka ny zanakavavin' ireny ho vadiny izy sady nanome ny zananivavy ho vadin' ny zanakalahin' ireny ka nanompo ny andriamaniny. **7** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah ny Zanak' Isiraely ka nanadino an' i Jehovah Andriamaniny ary nanompo ireo Bala sy Aseraha. **8** Dia nirehitra tamin' ny Isiraely ny fahatezeran' i Jehovah, ka nivarotra azy ho eo an-tànan' i Kosan-risataima, mpanjakan' i Mesopotamia, Izy; dia nanompo an' i Kosan-risataima valo taona ny Zanak' Isiraely. **9** Dia nitaraina tamin' i Jehovah ny Zanak' Isiraely, ary Jehovah nanangana mpamonjy ho an' ny Zanak' Isiraely, izay namonjy azy, dia Otniela, zanakalahin' i Kenaza, zandrin' i Kaleba. **10** Ary ny Fanahin' i Jehovah no tao aminy, dia nitsara ny Isiraely izy sady nivoaka hiady; ary Kosan-risataima, mpanjakan' i Mesopotamia, dia natolotr' i Jehovah teo an-tànany; ary nahery ny tànany ka namely an' i Kosan-risataima. **11** Dia nandry ny tany efa-polo taona. Ary maty Otniela, zanak' i Kenaza. **12** Fa nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah indray ny zanak' Isiraely ary i Jehovah nampahery an' i Eglona, mpanjakan' i Moaba, hiady amin' ny Isiraely, satria nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy. **13** Dia nampiangona ny taranak' i Amona sy Amaleka ho any aminy izy, ary nandeha izy ireo ka namely ny Isiraely, dia nahafaka ny tanàna be rofia. **14** Dia nanompo an' i Eglona, mpanjakan' i Moaba, valo ambin' ny folo taona ny Zanak' Isiraely. **15** Ary nitaraina tamin' i Jehovah izy, dia nanangana mpamonjy ho azy Jehovah, dia Ehoda, zanak' i Gera, avy amin' ny taranak' i Benjamina, lehilahy kavia; dia nampitondra azy fanomezana ho an' i Eglona, mpanjakan' i Moaba, ny Zanak' Isiraely. **16** Ary nanao sabatra roa lela Ehoda, hakiho ny halavany; dia nataony tao amin' ny fehin-kibony ambanin' ny akanjo fiadiany izany, teny am-balahany ankavanana. **17** Dia nitondra ny fanomezana ho an' i Eglona, mpanjakan' i Moaba, izy; ary lehilahy matavibe Eglona. **18** Ary rehefa vitany ny nanolorana ny fanomezana, dia nampodiny ny olona izay nitondra izany. **19** Fa nony tonga teo amin' ny fihadiam-bato izay any Gilgala kosa izy, dia niverina ka nanao hoe: Misy teny holazaiko mangingina aminao, ry mpanjaka ô. Dia hoy kosa izy: Mialà kely ianareo, rizareo. Ary izay rehetra nitsangana teo anoloany dia niala teo

aminy. **20** Ary Ehoda nanatona azy, raha nipetraka irery tao an-tilikambony fihatsiatsiahana izy. Dia hoy Ehoda: Misy teny avy amin' Andriamanitra holazaiko aminao. Dia nitsangana niala tamin' ny seza fiandrianana Eglona. **21** Ary naninjitra ny tànany ankavia Ehoda ka nandray ny sabatra teny am-balahany ankavanana, dia natsatony tamin' ny kibon' i Eglona izany; **22** ary difotra mbamin' ny zarany, ka voasaron' ny taviny ny lelan-tsabatra, ka dia tsy nanatsoaka ny sabatra tamin' ny kibony izy; ary niboroaka teo amin' ny vodiny izany. **23** Dia nivoaka teo amin' ny lavarangana Ehoda ka nandrindrina ny varavaran' ny trano ka nanidy azy tao. **24** Ary rehefa nivoaka izy, dia tonga teo kosa ny mpanompon' i Eglona; ary raha hitany fa, indro, voahidy ny varavaran' ny tilikambo, dia hoy izy: Miavela ato an-tilikambo fihatsiahana izy aloha. **25** Dia niandry mandrapahaveri-heviny izy ireo, kanjo tsy namoha ny varavaran' ny trano izy; ka dia naka ny fanalahidy izy ireo ka namoha azy; ary, indro, maty niampatra tamin' ny rihana ny tompony **26** Fa Ehoda efa nandositra, raha mbola nitaredretra izy ireo, ka efa nihoatra ny fihadiam-bato, dia nandositra ho any Seïrata. **27** Ary rehefa tonga teo izy, dia nitsoka ny anjomara tany amin' ny tany havoan' i Efraima, dia nidina nanaraka azy avy tany amin' ny tany havoana ny Zanak' Isiraely, ary izy no nitarika azy. **28** Ary hoy izy taminy: Manaraha ahy, fa efa natolotr' i Jehovah eo an-tananareo ny Moabita fahavalonareo. Dia nidina nanaraka azy ny olona, ka azony ny fitàna any Jordana hankany Moaba, ary tsy nisy navelany hita na dia iray akory aza. **29** Dia namono ny Moabita tokony ho iray alin-dahy tamin' izany andro izany izy, samy olona vaventy sady mahery izy rehetra; ary tsy nisy afaka nandositra na dia iray akory aza. **30** Dia resin' ny tanan' ny Isiraely ny Moabita tamin' izany andro izany. Ary nandry valo-polo taona ny tany. **31** Ary nanarakaraka azy Samgara, zanak' i Anata, izay namely ny Filistina enin-jato lahy tamin' ny fanindronan-omby; dia namonjy ny Isiraely koa izy.

4 Ary ny Zanak' Isiraely nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah indray, rehefa maty Ehoda. **2** Ary Jehovah nivarotra azy ho eo an-tànan' i Jabina, mpanjakan' i Kanana, izay nanjaka tany Hazora, ary Sisera, izay nonina tany Harosetan' ny Jentilisa, no komandin' ny miaramilany. **3** Dia nitaraina tamin' i Jehovah ny Zanak' Isiraely; fa nanana kalesy vy sivin-jato Jabina, ary nampahory fatratra ny Zanak' Isiraely roa-polo taona izy. **4** Ary Debora mpaminanivavy, vadin' i Lapidota, no nitsara ny Isiraely tamin' izany andro izany. **5** Ary izy nipetraka teo ambanin' ny hazo rofian' i Debora, teo anelanelan' i Rama sy Betela, tany amin' ny tany havoan' i Efraima; ary niakatra ho any aminy ny Zanak' Isiraely hatsaraina. **6** Ary Debora naniraka ka niantso an' i Baraka, zanak' i Abinoama, tany Kadesi-naftaly, ka nanao taminy hoe: Moa tsy efa nandidy va Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, nanao hoe: Mandehana, ka mankanesa any an-tendrombohitra Tabara, ary mitondrà iray alin-dahy amin' ny taranak' i Naftaly sy Zebolona hiaraka aminao? **7** Dia ho entiko ho eo aminao, eo amoron' ny ony Kisona, Sisera, komandin' ny miaramilan' i Jabina, mbamin' ny kalesiny sy ny vahoakany maro be; dia hanolotra azy eo an-tananao Aho. **8** Ary hoy Baraka taminy: Raha handeha hiaraka amiko ianao, dia handeha aho; fa raha tsy handeha hiaraka amiko kosa ianao, dia tsy handeha aho. **9** Ary hoy kosa izy: handeha hiaraka aminao ihany aho; kanefa tsy ho voninahitrao izao halehanao izao, satria ho eo an-tanambehivavy no hivarotan' i Jehovah an' i Sisera. Dia niainga Debora ka nandeha niaraka tamin' i Baraka hankany Kadesy **10** Ary nantsoin' i Baraka ho any Kadesy ny Zebolona sy ny Naftaly; dia nisy iray alin-dahy niakatra nanaraka azy; ary Debora niara-niakatra taminy. **11** Ary Hebera Kenita efa nisaraka tamin' ny Kenita izay avy amin' ny taranak' i Hobaba, zaodahin' i Mosesy, ary nilasy ambarapahatongany teo amin' ny hazo terebinta ao Zananima, izay eo anilan' i Kadesy. **12** Ary nisy nilaza tamin' i Sisera fa Baraka, zanak' i Abinoama, niakatra any an-tendrombohitra Tabara. **13** Dia nangonin' i Sisera ny kalesiny rehetra, dia kalesy vy sivin-jato, sy ny vahoaka rehetra izay niaraka taminy avy tany Harosetan' ny Jentilisa, hankany amin' ny ony Kisona. **14** Ary hoy Debora tamin' i Baraka: Miakara, fa anio no andro hanoloran' i Jehovah an' i Sisera eo an-tananao; tsy mivoaka eo anoloanao va Jehovah? Dia nidina Baraka sy ny olona iray alina nanaraka azy, avy tany an-tendrombohitra Tabara. **15** Dia nampifanaritahin' i Jehovah tamin' ny lelan-tsabatra Sisera teo anoloan' i Baraka sy ny kalesy rehetra ary ny miaramila rehetra; dia nidina niala tamin' ny kalesy Sisera ka nandositra nandeha tongotra. **16** Ary Baraka nanenjika nanaraka ny kalesy sy ny miaramila hatrany Haroseta; dia lavon' ny lelan-tsabatra avokoa ny miaramilan' i Sisera rehetra; tsy nisy niangana na dia iray akory aza. **17** Ary Sisera nandositra nandeha tongotra ho any amin' ny lain' i Jaela, vadin' i Hebera Kenita; fa nihavana Jabina, mpanjakan' i Hazora, sy ny mpianakavin' i Hebera Kenita. **18** Dia nivoaka Jaela hitsena an' i Sisera ka nanao taminy hoe: Miakara, tompokolahy, miakara atỳ amiko; aza matahotra. Ary rehefa niakatra ho ao aminy ao an-day izy, dia norakofany ny lamba firakotra. **19** Ary hoy Sisera taminy: Masìna ianao, omeo rano kely hosotroiko, fa mangetaheta aho izany. Dia nanokatra ny siny hoditra nisy ronono izy ka nomeny hosotroiny; ary dia norakofany indray izy. **20** Dia hoy izy taminy: Mitsangàna eo am-baravaran' ny lay, ka raha tàhiny misy avy ka manontany anao hoe: Misy olona va ato? dia ataovy hoe: Tsia. **21** Dia naka tsima-day Jaela, vadin' i Hebera, sady nitondra tantanana teny an-tànany ka nitsaitsaika nankeo aminy; dia natsatony tamin' ny fihirifany ny tsima-day, ka nihatra tamin' ny tany fa efa renoky ny torimaso Sisera, satria sasatra ka dia maty izy. **22** Ary nony, indro, avy Baraka manenjika an' i Sisera, dia nivoaka hitsena azy Jaela ka nanao taminy hoe; Avia atỳ, fa hasehoko anao ny lehilahy izay tadiavinao. Ary rehefa tonga tao aminy izy, dia indro, ny fatin' i Sisera niampatra teo, ary ny tsima-day teo amin' ny fihirifany. **23** Dia naetrin' Andriamanitra teo anoloan' ny Zanak' Isiraely tamin' izany andro izany Jabina, mpanjakan' i Kanana. **24** Ary ny tanan' ny Zanak' Isiraely nihahery tamin' i Jabina, mpanjakan' i Kanana, mandra-pandringany azy.

5 Ary Debora sy Baraka, zanak' i Abinoama, dia nihira tamin' izany andro izany ka nanao hoe: **2** Noho ny fitarihan' ny lehibe tamin' ny Isiraely sy ny fahazotoan' ny vahoaka nanolotena, dia miderà an' i Jehovah. **3** Mandrenesa ianareo, ry mpanjaka, mihainoa ianareo, ry mpanapaka! Izaho indrindra no hihira ho an' i Jehovah; hankalaza an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, aho. **4** Jehovah ô, fony nivoaka avy tany Seïra Hianao ary nandeha avy tany amin' ny tany Edoma, dia nihorohoro ny tany, ary ny lanitra koa nitete; Eny, ny rahona matevina nitete rano. **5** Ny tendrombohitra niempo teo anatrehan' i Jehovah. Eny, na dia iry Sinay iry aza teo anatrehan' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **6** Tamin' ny andron' i Samgara, zanak' i Anata, sy tamin' ny andron' i Jaela dia tsy nodiavina ny lalambe, fa ny sakeli-dalana mivilivily no nalehan' ny mpandeha. **7** Lao ny tany an-tsaha; eny, lao tamin' ny Isiraely izany, Mandra-pitsangako, izaho Debora, eny, mandra-pitsangako ho reny teo amin' ny Isiraely. **8** Nifidy andriamani-baovao ny olona, Ary tamin' izay dia nisy ady hatrany am-bavahady. Moa nisy ampinga na lefona na dia iray akory aza hita va teo amin' ny olona efatra alina tamin' ny Isiraely? **9** Ny foko mankasitraka ny mpanapaka amin' ny Isiraely, izay nazoto nanolo-tena teo amin' ny vahoaka, miderà an' i Jehovah ianareo. **10** Hianareo izay mitaingina borikivavy fotsy, ianareo izay mipetraka amin' ny lamba fitoerana, ary ianareo koa izay mandeha amin' ny lalana, samia milaza. **11** Lavitra ny feon' ny mpandefa zanatsipìka, dia eo amin' ny fantsakan-drano, no hiresahany ny asa marina nataon' i Jehovah, dia ny fahamarinany tamin' ny tany Isily; Tamin' izany dia nidina ny olon' i Jehovah ho any am-bavahady. **12** Mifohaza, mifohaza, ry Debora; Mifohaza, mifohaza, ka mihirà! Mitsangana, ry Baraka; ento ny babonao, ry zanakalahin' i Abinoama. **13** Tamin' izany dia nidina izay olo-malaza sisa mbamin' ny vahoaka, Jehovah nidina homba ahy koa hamely ny olo-mahery. **14** Ny avy amin' i Efraima, izay miorina amin' i Amaleka, dia nomba anao teo amin' ny firenenao, ry Benjamina; Avy tany Makira no nidinan' ny mpanao lalàna, ary avy tamin' i Zebolona ireo mitana ny tehin' ny mpifehy. **15** Ary ny andrianan' Isakara niaraka tamin' i Debora, dia Isakara sy Baraka koa; Nampandehanina nanaraka azy any andohasaha izy. Lehibe ny fiheverana am-po teny amin' ny sakeli-dranon' i Robena! **16** Nahoana ianao no nitoetra teo anelanelan' ny vala, hihainoanao ny feon-tsodina any amin' ny ondry? Lehibe ny fiheverana am-po teny amin' ny sakeli-dranon' i Robena! **17** Gileada nitoetra tany andafin' i Jordana; Ary nahoana Dana no nitoetra tany antsambo? Asera nitoetra tany amoron-dranomasina, Ary teny amin' ny fitodiany no nipetrahany. **18** Zebolona dia firenena nanao tsinontsinona ny ainy, na dia ho faty aza, Ary Naftaly koa teo amin' ny fitoerana avo any an-tsaha. **19** Tonga ireo mpanjaka ka niady, eny, niady tao Tanaka ireo mpanjakan' i Kanana, dia teo anilan' ny ranon' i Megido; Tsy nisy volafotsy azony ho babo. **20** Avy tany an-danitra no nisy ady: ny kintana tamin' ny nalehany niady tamin' i Sisera. **21** Ny ony Kisona nipaoka azy, Izany ony ela izany, dia ny ony Kisona. Mandrosoa amin-kery ianao, ry fanahiko! **22** Tamin' izany dia nikatrokatroka ny kitrontsoavaly noho ny fihazakazaka, dia ny fihazakazaky ny maheriny. **23** Ozony Meroza, hoy Ilay Anjelin' i Jehovah, Ozony dia ozòny ny mponina ao, Satria tsy mba tonga hanampy an' i Jehovah izy, eny, tsy nanampy an' i Jehovah hamely ny mahery. **24** Hotahina mihoatra noho ny vehivavy anie Jaela, vadin' i Hebera Kenita; Eny, hotahina mihoatra noho ny vehivavy mitoetra an-day anie izy. **25** Rano no nangatahin-dralehilahy, fa ronono aza no nomeny azy; Teo an-dovian' andriana no nitondrany rononomandry. **26** Ny tànany nandray ny tsima-day, Ary ny tànany ankavanana nandray ny tantanan' ny mpiasa, dia namely an' i Sisera tamin' ny tantanana izy ka nahavoa ny lohany; Namely mafy izy, dia nahaboroaka ny fihirifany. **27** Teo amin' ny tongodravehivavy no niondrehany nahalavoany niamparany, eny, teo amin' ny tongony no niondrehany nahalavoany teo amin' izay niondrehany no niamparan' ny fatiny. **28** Tao amin' ny varavarankely no nitsirihan' ny renin' i Sisera ka niantsoantsoany mafy; Eny, niantso tao amin' ny makarakara izy hoe: Nahoana no ela izato kalesiny vao tonga? Nahoana no mitaredretra ny kodian' ny kalesiny? **29** Izay hendry tamin' ny andriambaviny no namaly azy, eny, ny tenany aza namaly hoe: **30** Tsy efa mahita va izy? Tsy mizara babo va izy? Dia zazavavy iray na roa ho an' ny isan-dahy, Ary lamba samy hafa volo ho babon' i Sisera, Lamba roa samy hafa soratra ho eo am-bozon' ny nahazo babo. **31** Ho levona tahaka izany anie ny fahavalonao rehetra, Jehovah ô; Fa aoka izay tia Azy kosa ho tahaka ny masoandro, raha miposaka amin' ny heriny izy. Dia nandry ny tany efa-polo taona.

6 Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah ny Zanak' Isiraely, ka dia natolotr' i Jehovah ho eo an-tànan' ny Midiana fito taona izy; **2** ary ny tanan' ny Midiana dia nahery tamin' ny Isiraely, ka ny tahony ny Midiana no nanamboaran' ny Zanak' Isiraely ireo fierena any antendrombohitra sy ireo zohy mbamin' ny fiarovana. **3** Ary rehefa namafy voa ny Isiraely, dia avy ny Midiana sy ny Amalekita ary ny zanaky ny atsinanana ka niakatra hanafika azy. **4** Dia nitoby tandrifiny ireny ka nanimba ny vokatry ny tany hatrany akaikin' i Gaza; ary tsy nisy zavatra navelany hiveloman' ny Isiraely, na ondry aman' osy, na omby, na boriky; **5** fa niakatra izy nitondra ny omby aman' ondriny sy ny lainy, ka ny fihaviny dia tahaka ny valala ny hamarony, ary tsy hita isa izy sy ny ramevany; dia niditra tamin' ny tany izy handrava azy **6** Ary dia nahantra indrindra ny Isiraely noho ny Midiana, ka nitaraina tamin' i Jehovah izy. **7** Ary raha nitaraina tamin' i Jehovah ny Zanak' Isiraely noho ny Midiana, **8** Jehovah dia naniraka mpaminany anankiray ho any amin' ny zanak' Isiraely, izay nilaza taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Andriamanitry ny Isiraely Izaho no nitondra anareo niakatra avy tany Egypta sady nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny trano nahandevozana **9** ary namonjy anareo tamin' ny tanan' ny Egyptiana sy ny tànan' izay rehetra nampahory anareo, dia nandroaka ireny teo anoloanareo Aho, ka nomeko anareo ny taniny; **10** ary hoy Izaho taminareo: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo;

aza matahotra ny andriamanitry ny Amorita, izay tompon' ny tany onenanareo; nefa tsy nihaino ny feoko ianareo. **11** Dia tonga Ilay Anjelin' i Jehovah ka nipetraka teo ambanin' ny hazo terebinta teo Ofra, izay an' i Joasy Abiezrita; ary Gideona zanany nively vary tamin' ny fantàka teo anilan' ny famiazam-boaloboka mba hafeniny amin' ny Midiana. **12** Ary Ilay Anjelin' i Jehovah niseho taminy ka nanao taminy hoe: Jehovah no momba anao, ry lehilahy mahery. **13** Fa hoy Gideona taminy: Indrisy, Tompoko, raha momba anay Jehovah, nahoana no ozoin' izao rehetra izao izahay? Ary aiza ny fahagagana rehetra nataony, izay nolazain' ny razanay taminay hoe: Tsy nitondra anay niakatra avy tany Egypta va Jehovah? Fa ankehitriny efa nahafoy anay mihitsy Jehovah ka nanolotra anay eo an-tànan' ny Midiana. **14** Dia nitodika nijery azy Jehovah ka nanao hoe: Mandehana amin' izao herinao izao, ka vonjeo ny Isiraely amin' ny tanan' ny Midiana; tsy efa naniraka anao va Aho? **15** Fa hoy izy taminy: Indrisy, Tompo ô, hataoko ahoana no famonjy ny Isiraely? He! ny mpianakaviko no malahelo indrindra eo amin' ny Manase, ary izaho no kely indrindra amin' ny ankohonan' ny raiko. **16** Dia hoy Jehovah taminy: Homba anao tokoa Aho, ka hamely ny Midiana toy ny famely olona iray monja ianao. **17** Dia hoy izy taminy: Masìna Hianao, raha mahita fitia eto imasonao ary aho, dia anehoy famantarana fa Hianao no miteny amiko. **18** Masìna Hianao, aza miala eto mandra-pihaviko eto aminao hitondra ny fanatitra hohanina, ka hapetrako eto anatrehanao. Dia hoy Izy: Eny, Izaho hiandry mandra-piverinao. **19** Ary Gideona lasa niditra ka namboatra zanak' osy sy mofo tsy misy masirasira tamin' ny koba iray efaha, ka ny hena nataony tao anatin' ny harona, ary ny ron-kena nataony tao anatin' ny vilany, dia nentiny ho eo aminy, teo ambanin' ilay hazo terebinta ka natolony Azy. **20** Ary hoy Ilay Anjelin' Andriamanitra taminy: Raiso ny hena sy ny mofo tsy misy masirasira, ka apetraho eo ambonin' ity harambato ity, ary aidino ny ron-kena. Dia nataony izany. **21** Ary naroson' Ilay Anjelin' i Jehovah ny lohan' ny tehina izay teny an-tànany ka natendriny ny hena sy ny mofo tsy misy masirasira; dia nisy afo nivoaka avy tamin' ny vatolampy ka nandevona ny hena sy ny mofo tsy misy masirasira. Ary Ilay Anjelin' i Jehovah dia lasa niala teo imasony. **22** Dia hitan' i Gideona fa Anjelin' i Jehovah Izy, ka hoy izy: Adray, Jehovah Tompo ô! fa nahita Ilay Anjelin' i Jehovah nifanatrika aho. **23** Fa hoy Jehovah taminy: Fiadanana anie ho anao; aza matahotra; tsy ho faty ianao tsy akory. **24** Ary Gideona nanorina alitara teo ho an' i Jehovah-saloma; mbola ao Ofran' ny Abiezrita izany mandraka androany. **25** Ary tamin' izany alina izany dia hoy Jehovah taminy: Alao ny ombilain-drainao, dia ilay ombilahy faharoa, izay efa fito taona, ka ravao ny alitaran' i Bala, izay an' ny rainao, ary kapao ny Aseraha eo anilany; **26** dia manorena alitara eto an-tampon' ity fiarovana ity ho an' i Jehovah Andriamanitrao, ka amboary tsara izy, ary alao ilay ombilahy faharoa, ka atero ho fanatitra dorana amin' ny hazon' ny Aseraha izay hokapainao. **27** Ary Gideona naka folo lahy tamin' ny mpanompony ka nanao araka izay efa nolazain' i Jehovah taminy; ary satria natahotra ny fianakavian-drainy sy ny lehilahy tao an-tanàna izy dia tsy nanao izany tamin' ny antoandro, fa tamin' ny alina no nanaovany azy. **28** Fa nony nifoha maraina koa ny lehilahy tao an-tanàna, ka indro, efa rava ny alitaran' i Bala, sady voakapa ny Aseraha teo anilany, ary ilay ombilahy faharoa dia efa naterina teo ambonin' ny alitara izay natao, **29** dia nifanontany hoe izy: Iza re no nanao izany zavatra izany e? Ary raha nifanontany sy nifamoaka teo izy, dia hoy izy: Gideona, zanak' i Joasy, no nanao izany zavatra izany. **30** Dia hoy ny lehilahy tao an-tanàna tamin' i Joasy: Avoahy ny zanakao mba hovonoina, satria efa nandrava ny alitaran' i Bala izy sady efa nikapa ny Aseraha teo anilany. **31** Ary hoy Joasy tamin' izay rehetra nitsangana teo anatrehany: Moa ianareo handahatra ho an' i Bala va? Hianareo va no hamonjy azy? Izay handahatra ho an' i Bala dia hatao maty, raha mbola maraina ny andro: raha andriamanitra Bala, aoka izy handahatra ho an' ny tenany, fa nisy nandrava ny alitarany. **32** Ary tamin' izany andro izany ny anaran' ny Gideona dia nataony hoe Jerobala, fa hoy izy: Aoka Bala no hifandahatra aminy, satria noravany ny alitarany. **33** Ary ny Midiana rehetra sy ny Amalekita ary ny zanaky ny atsinanana nivory, dia nita ka nitoby teny amin' ny tany lemaka Jezirela. **34** Ary notsindrian' ny Fanahin' i Jehovah Gideona, dia nitsoka anjomara izy, ka nivory nanaraka azy ny Abiezrita. **35** Ary naniraka olona nankany amin' ny Manase rehetra izy, dia nivory nanaraka azy ireo; ary naniraka olona tany amin' ny Asera sy ny Zebolona ary ny Naftaly izy; dia niakatra nitsena azy koa ireo. **36** Ary hoy Gideona tamin' Andriamanitra: Raha ny tanako no hamonjenao ny Isiraely araka izay efa nolazainao, **37** indro, hapetrako eo amin' ny famoloana ity volon' ondry iray manontolo ity, ka raha ny volon' ondry ihany no lenan' ny ando, fa maina ny tany rehetra, dia ho fantatro fa ny tanako no hamonjenao ny Isiraely araka izay efa nolazainao. **38** Ary dia nisy izany; fa nifoha, maraina koa izy, ka nofiazany ny volon' ondry, ary nisy ranon' ando eran' ny lovia. **39** Ary hoy koa Gideona tamin' Andriamanitra: Aoka tsy hirehitra amiko ny fahatezeranao, fa hiteny izao indray mandeha izao monja aho; aoka mba hizahako izao indray mandeha izao monja amin' ny volon' ondry: aoka ny volon' ondry ihany no ho maina, fa ny tany rehetra kosa no ho lenan' ny ando. **40** Dia nataon' Andriamanitra izany tamin' ny alin' iny, ka ny volon' ondry ihany no maina, fa ny tany rehetra kosa dia lenan' ny ando.

7 Dia nifoha maraina koa Jerobala (Gideona izany) sy ny vahoaka rehetra teo aminy ka nitoby teo akaikin' ny loharano Haroda; ary ny tobin' ny Midiana kosa teo avarany, teo an-dohasaha anilan' ny havoana More. **2** Ary hoy Jehovah tamin' i Gideona: Maro loatra ny vahoaka eo aminao, ka tsy hanolotra ny Midiana eo an-tànany Aho, fandrao hirehareha amiko ny Isiraely ka hanao hoe: Ny tanako ihany no namonjy ahy. **3** Koa ankehitriny andeha miantso eo anatrehan' ny vahoaka hoe: Na iza na iza no matahotra sy mangovitra, aoka izy hiverina ka hiala amin' ny tany havoan' i Gileada. Dia niverina ny olona roa arivo sy roa alina; fa ny iray alina no sisa. **4** Fa hoy

Jehovah tamin' i Gideona: Mbola maro ihany ny olona; koa ampidino ho eo amin' ny rano izy, ary eo no hizahako toetra azy ho anao; ary izay holazaiko aminao hoe: Io no hiaraka aminao, dia izy no hiaraka aminao; ary izay rehetra holazaiko aminao hoe: Io no tsy hiaraka aminao, dia izy kosa no tsy hiaraka aminao. **5** Ary dia nampidinin' i Gideona ho eo amin' ny rano ny olona; ary hoy Jehovah taminy: Izay rehetra milelaka rano amin' ny lelany tahaka ny filelaky ny amboa dia atokàny, ary izay rehetra mandohalika kosa hisotro dia atokàny koa. **6** Ary telon-jato lahy no isan' izay nanainga ny tànany tamin' ny vavany ka nilelaka; fa ny olona sisa rehetra dia nandohalika hisotro rano. **7** Ary hoy Jehovah tamin' i Gideona: Ny telon-jato lahy izay nilelaka rano no hamonjeko anareo ka hanolorako ny Midiana eo an-tananao; fa aoka ny olona sisa rehetra samy hody any amin' ny fonenany avy. **8** Ary ny olona nitondra vatsy sy ny anjomarany teny an-tànany; ary ny Isiraely sisa dia nalefany hody samy ho any amin' ny lainy avy, fa ny telon-jato lahy ihany no nohazoniny; ary ny tobin' ny Midiana dia teo ambaniny teo an-dohasaha. **9** Ary tamin' izany alina izany dia hoy Jehovah tamin' i Gideona: Mitsangàna, midìna ho any amin' ny toby ianao; fa efa natolotro eo an-tananao io. **10** Fa raha matahotra hidina ianao, dia aoka hidina miaraka aminao ho any amin' ny toby Pora zatovonao; **11** dia ho renao izay lazain' ny olona, ary rehefa afaka izany, dia hampaherezina ny tananao hidinanao any amin' ny toby. Dia nidina niaraka tamin' i Pora zatovony izy ho any an-tsisin' ny olona efa voaomana hiady, izay teo amin' ny toby. **12** Ary ny Midiana sy ny Amalekita ary ny zanaky ny atsinanana rehetra dia nandry teny an-dohasaha, tahaka ny valala ny hamarony; ary tsy hita isa ny ramevany, tahaka ny fasika any amoron-dranomasina ny hamarony. **13** Ary raha tonga tao Gideona, indro, nisy lehilahy nilaza nofy tamin' ny namany ka nanao hoe: Nanonofy aho, ka, indro, nisy mofo vary hordea nikodiadia ho eo amin' ny tobin' ny Midìna ka nankamin' ny lay anankiray, dia nampiongana ka nampivadika azy, ka dia nipetraka teo ny lay. **14** Dia namaly ilay namany ka nanao hoe: Tsy zavatra hafa izany, fa ny sabatr' i Gideona, zanak' i Joasy, lehilahy Isiraelita, mihitsy: efa natolotr' Andriamanitra eo an-tànany ny Midiana sy ny toby rehetra. **15** Ary rehefa ren' i Gideona ny filàzany ny nofy sy ny heviny, dia nivavaka izy; ary niverina ho any amin' ny tobin' ny Isiraely izy ka nanao hoe: Mitsangàna, fa efa natolotr' i Jehovah eo an-tananareo ny tobin' ny Midiana. **16** Dia nozarainy telo toko ny telon-jato lahy, ary samy nomeny anjomara iray avy ho eny an-tànany ary siny tsy nisy rano sy fanilo tao anatin' ny siny. **17** Dia hoy izy taminy: Mijere ahy ianareo, ka manaova araka izay ataoko; ary, indro, raha mankany amin' ny sisin' ny toby aho, dia izay ataoko ihany no mba ataovinareo koa. **18** Raha mitsoka ny anjomara izaho sy izay miaraka amiko, dia mba mitsofa ny anjomara manodidina ny toby rehetra koa ianareo, ka miantsoa hoe: An' i Jehovah sy Gideona! **19** Dia nankany amin' ny sisin' ny toby tamin' ny fiandohan' ny fiambenana faharoa Gideona sy ny zato lahy izay teo aminy; raha vao nalatsaka ny fiambenana; dia nitsoka ny anjomara ireo sady namaky ny siny teny an-tanany. **20** Dia mba nitsoka ny anjomara avokoa ny telo toko sady namaky ny sininy, ka nihazona ny fanilo teny an-tànany ankavia ary ny anjomara teny an-tànany ankavanana mba hotsofiny; dia niantso hoe izy: Ny sabatr' i Jehovah sy Gideona! **21** Ary samy nijanona teo amin' ny fitoerany avy manodidina ny toby izy rehetra; dia nihazakazaka ny miaramila rehetra ka ninananana sady nandositra. **22** Dia nitsoka ny anjomara ny telon-jato lahy, ary nampifamelezin' i Jehovah tamin' ny sabatra ny miaramila eran' ny toby rehetra, dia nandositra hatrany Beti-sita izy ka hatrany Zereraha sy hatramin' ny fari-tanin' i Abela-mehola akaiky an' i Tabata. **23** Dia nivory ny lehilahy amin' ny Isiraely avy tamin' ny Naftaly sy ny Asera ary ny Manase rehetra ka nanenjika ny Midiana. **24** Ary Gideona naniraka olona hitety ny tany havoan' i Efraima rehetra ka nanao hoe: Midìna hisakana ny Midiana, ka vonjeo ny rano eo alohany hatrany Beti-bara sy Jordana. Dia nivory ny lehilahy rehetra amin' ny Efraima ka namonjy ny rano hatrany Beti-bara sy Jordana. **25** Ary nisambotra ny andriana roa lahy amin' ny Midiana izy, dia Oreba sy Zeba, ary Oreba novonoiny teo ambonin' ny vatolampin' i Oreba, ary Zeba novonoiny teo amin' ny famiazam-boalobok' i Zeba, dia nanenjika ny Midiana izy; ary ny lohan' i Oreba sy Zeba dia nentiny tany amin' i Gideona tany an-dafin' i Jordana.

8 Ary hoy ny lehilahy amin' ny Efraima tamin' i Gideona: Ahoana izao zavatra nataonao taminay izao, no tsy nantsoinao izahay, raha nandeha hiady tamin' ny Midiana ianao? Dia nanome tsiny azy mafy ireo. **2** Fa hoy Gideona taminy: Zinona izao nataoko izao, raha oharina amin' izay nataonareo? Tsy tsara va ny fitsimponam-boalobok' i Efraima noho ny fiotazam-boalobok' i Abiezera? **3** Teo an-tananareo no nanoloran' Andriamanitra ny andrianan' ny Midiana, dia Oreba sy Zeba; ary inona no azoko atao, raha oharina amin' ny nataonareo? Ary rehefa nilaza izany teny izany Gideona, dia nitony ny fahatezeran' ireo taminy. **4** Ary Gideona nankany Jordana, ka nita izy sy ny telon-jato lahy teo aminy, na dia efa reraka aza, mbola nanenjika ihany. **5** Ary hoy izy tamin' ny mponina tao Sokota: Masìna ianareo, mba omeo mofo ny olona manaraka ahy, fa reraka izy, ary izaho manenjika an' i Zebaha sy Zalmona, mpanjakan' ny Midiana. **6** Fa hoy ireo andrianan' i Sokota: Moa efa voahazon' ny tananao ankehitriny va ny tànan' i Zebaha sy Zalmona, no homenay mofo ny miaramilamao? **7** Dia hoy Gideona: Rehefa voatolotr' i Jehovah eo an-tanako Zehaba sy Zalmona, dia handalasiko amin' ny tsilo avy any an-efitra sy ny sampivato ny tenanareo. **8** Ary niakatra avy teo izy ka nankany Penoela, dia nanao teny tahaka izany koa tamin' ny olona tao; ary ny mponina tao Penoela koa dia namaly azy tahaka ny navalin' ny mponina tao Sokota ihany. **9** Dia niteny tamin' ny mponina tao Penoela izy ka nanao hoe: Raha tafaverina soa aman-tsara aho, dia horavako ity tilikambo ity. **10** Ary Zebaha sy Zalmona dia tonga tao Karkora mbamin' ny miaramila teo aminy tokony ho dimy arivo sy iray alin-dahy, dia izay sisa rehetra tamin' ny miaramila rehetra an' ny zanaky ny atsinanana; ary ny maty kosa dia roa alina sy iray hetsy, samy lehilahy mpitan-

tsabatra avokoa ireo. **11** Ary Gideona niakatra tamin' ny lalan' ny mpitoetra an-day, atsinanan' i Noha sy Jogbeha, ka dia namely ny toby, raha mbola ilay tsy nanampo iny ny olona. **12** Dia nandositra Zebaha sy Zalmona, ary nanenjika azy ny Isiraely ka nisambotra ny mpanjaka roa tamin' ny Midiana, dia Zebaha sy Zalmona, fa efa nampihorohoroiny avokoa ny toby rehetra. **13** Dia niverina avy tamin' ny ady Gideona, zanak' i Joasy, avy teo amin' ny fiakarana Heresa; **14** ary nisambotra zatovo tamin' ny mponina tao Sokota izy ka nanontany azy; dia nosoratan' ilay zatovo ny anaran' ireo andrianan' i Sokota sy ny loholona tao, ka fito amby fito-polo lahy izy. **15** Ary Gideona dia nankany amin' ny mponina tao Sokota ka nanao hoe: Indreo Zebaha sy Zalmona, izay efa nandatsanareo ahy hoe: Moa efa voahazon' ny tananao ankehitriny va ny tànan' i Zebaha sy Zalmona, no homenay mofo ny olonao efa reraka? **16** Dia naka ny loholona tao an-tanàna izy ary tsilo avy tany an-efitra sy sampivato, ka ireny no namaizany ny mponina tao Sokota. **17** Ary nandrava ny tilikambo tao Penoela koa izy ka namono ny lehilahy tao an-tanàna. **18** Dia hoy izy tamin' i Zebaha sy Zalmona: Lehilahy toy inona ange izay novonoinareo tany Tabara? Ary hoy izy roa lahy: Tahaka anao ihany izy. Nitarehin-janak' andriana avokoa izy rehetra. **19** Ary hoy izy: Rahalahiko, zanaky ny reniko ireo. Raha velona koa Jehovah, dia tsy mba hovonoiko ianareo, raha novelominareo ireo. **20** Ary hoy izy tamin' i Jatera lahimatoany: Mitsangàna, ka vonoy izy roa lahy. Fa ilay zatovo tsy nanatsoaka ny sabany, fa natahotra, satria mbola tanora fanahy izy. **21** Ary hoy Zebaha sy Zalmona: Aoka ianao no hitsangana hamely anay; fa araka ny toetry ny olona ihany ny heriny. Dia nitsangana Gideona ka namono an' i Zebaha sy Zalmona ary naka ny ravaka sarim-bolan-tsinana, izay teo amin' ny vozon' ny ramevany. **22** Dia hoy ny lehilahy amin' ny Isiraely tamin' i Gideona: Manapaha anay ianao sy ny zanakao ary ny zafinao; fa efa namonjy anay tamin' ny tanan' ny Midiana ianao. **23** Fa hoy Gideona taminy: Tsy hanapaka anareo aho, ary tsy hanapaka anareo koa ny zanako; Jehovah ihany no hanapaka anareo. **24** Ary hoy koa Gideona taminy: Zavatra iray loha monja no hany mba angatahiko aminareo; aoka samy hanome ahy ny kavina izay avy amin' ny babony avy ianareo (fa nanana kavim-bolamena ireny, satria Isimaelita). **25** Dia hoy kosa ny olona: Eny, fa homenay tokoa izany. Dia namelatra lamba ny olona, ka samy nanipy ny kavina izay avy tamin' ny babony teo. **26** Ary ny lanjan' ny kavim-bolamena nangatahiny dia sekely volamena fiton-jato amby arivo, afa-tsy ny ravaka sarim-bolan-tsinana sy ny kavina voavola sy ny lamba volomparasy, izay teny amin' ireo mpanjakan' ny Midiana, ary ny rojo, izay teny amin' ny vozon' ny ramevany. **27** Dia nataon' i Gideona efoda ireo, ka nataony tao an-tanànany, dia tao Ofra; ary ny Isiraely rehetra nankany nijangajanga nanaraka izany efoda izany; ary tonga fandrika tamin' i Gideona sy ny ankohonany izany. **28** Dia resy teo anoloan' ny Zanak' Isiraely ny Midiana ka tsy nahatraka ny lohany intsony. Dia nandry efa-polo taona ny tany tamin' ny andron' i Gideona. **29** Dia nandeha Jerobala, zanak' i Joasy, ka nitoetra tao an-tranony. **30** Ary Gideona nanan-janaka fito-polo lahy izay naterany: fa maro vady izy. **31** Ary ny vaditsindranony, izay tany Sekema, dia niteraka zazalahy taminy koa, ka ny anarany nataony hoe Abimeleka. **32** Dia maty Gideona, zanak' i Joasy, rehefa tratrantitra tsara, ka nalevina tao amin' ny fasan' i Joasy rainy tao Ofran' ny Abiezrita izy. **33** Ary rehefa maty Gideona, dia nijangajanga nanaraka ireo Bala indray ny Zanak' Isiraely ka nanao an' i Bala-berita ho andriamaniny. **34** Ary ny Zanak' Isiraely tsy nahatsiaro an' i Jehovah Andriamaniny, Izay efa namonjy azy tamin' ny tanan' ny fahavalony rehetra nanodidina, **35** sady tsy nanao soa tamin' ny taranak' i Jerobala (na Gideona), araka izay soa rehetra nataon' i Gideona tamin' ny Isiraely, izy.

9 Ary Abimeleka, zanak' i Jerobala, dia nandeha nankany Sekema tany amin' ny anadahin-dreniny ka niresaka taminy sy tamin' izay rehetra isan' ny fianakavian-dreniny nanao hoe: **2** Mba mitenena ianareo eo anatrehan' ny mponina rehetra eto Sekema hoe: Iza no tsara ho anareo: ny hiarahan' izy fito-polo lahy zanak' i Jerobala manjaka aminareo va, sa ny hanjakan' ny lehilahy iray? Koa tsarovy fa taolanareo sy nofonareo aho. **3** Ary ny anadahin-dreniny nilaza azy teo anatrehan' ny mponina rehetra tao Sekema ka nanao izany teny rehetra izany; koa ny fon' ireo dia tahanaraka an' i Abimeleka, fa hoy izy: Rahalahintsika izy. **4** Dia nomeny sekely volafotsy fito-polo avy tao an-tranon' i Bala-berita izy, ary nanambazan' i Abimeleka olom-poana sy marivo salosana izany, ka dia nanaraka azy ireo. **5** Dia nankany an-tranon-drainy tany Ofra izy ka namono ny rahalahiny fito-polo lahy, zanak' i Jerobala, teo ambonin' ny vato iray; ary Jotama, faralahin' i Jerobala, no sisa velona, satria niery izy. **6** Dia nivory ny mponina rehetra tao Sekema sy ny olona rehetra tao Milo ka nandeha nampanjaka an' i Abimeleka teo anilan' ny hazo terebinta, akaikin' ny tsangambato any Sekema. **7** Ary nisy nilaza izany tamin' i Jotama, dia nandeha izy ka nitsangana teo an-tampon' ny tendrombohitra Gerizima, ary nanandratra ny feony ka niantso hoe: Mihainoa, ahy ianareo mponina ao Sekema mba hihainoan' Andriamanitra anareo kosa. **8** Niainga, hono, ny hazo hanosotra mpanjaka hanjaka aminy; ka hoy izy tamin' ny oliva: Manjaka aminay ianao. **9** Fa hoy ny oliva taminy: Ho foiko va ny diloiloko, izay ankalazan' ireny andriamanitra sy ny olona ahy, ka handeha hitsingevingevina erỳ ambony hazo aho? **10** Ary hoy ny hazo tamin' ny aviavy: Avia ianao ka manjakà aminay. **11** Dia hoy ny aviavy taminy: Ho foiko va ny fahamamiako sy ny vokatro tsara, ka handeha hitsingevingevina erỳ ambony hazo aho? **12** Dia hoy ny hazo tamin' ny voaloboka: Avia ianao, ka manjakà aminay. **13** Fa hoy ny voaloboka taminy: Ho foiko va ny ranoko, izay mahafaly an' Andriamanitra sy ny olona, ka handeha hitsingevingevina erỳ ambony hazo aho? **14** Ary hoy ny hazo rehetra tamin' ny tsilo: Avia ianao, ka manjakà aminay. **15** Fa hoy ny tsilo tamin' ny hazo: Raha hohosoranareo ho mpanjakanareo tokoa ary aho, dia avia ianareo ka mialofa ato amin' ny alokaloko; fa raha tsy izany, aoka hisy afo hivoaka avy amin' ny tsilo ka handevona ny sederan' i Libanona. **16** Koa ankehitriny, raha marina sy

mahitsy ny nataonareo tamin' ny nampanjakanareo an' i Abimeleka, ary raha soa no nataonareo tamin' i Jerobala sy ny taranany, ka novalianareo araka izay nataon' ny tànany izy **17** (fa ny raiko niady ho anareo sady nanao ny ainy tsy ho zavatra ka namonjy anareo tamin' ny tanan' ny Midiana; **18** nefa ianareo kosa niodina tamin' ny taranaky ny raiko androany ka namono ny zanany fito-polo lahy teo ambonin' ny vato iray, ary Abimeleka, zanaky ny ankizivaviny, no nampanjakainareo tamin' ny mponina ao Sekema, satria rahalahinareo izy), **19** koa raha marina sy mahitsy ny nataonareo androany tamin' i Jerobala sy ny zanany, dia mifalia amin' i Abimeleka ianareo, ary aoka izy kosa hifaly aminareo. **20** Fa raha tsy izany kosa, dia aoka hisy afo hivoaka avy amin' i Abimeleka ka handevona ny mponina ao Sekema sy ny olona ao Milo; ary aoka koa hisy afo hivoaka avy amin' ny mponina ao Sekema sy ny olona ao Milo ka handevona an' i Abimeleka. **21** Dia riatra nandositra Jotama ka nankany Bera ary nitoetra teo mba hiery an' i Abimeleka rahalahiny. **22** Ary rehefa nanapaka telo taona tamin' ny Isiraely Abimeleka, **23** Andriamanitra dia naniraka fanahy ratsy tamin' i Abimeleka sy ny mponina tao Sekema; ary ny mponina tao Sekema dia nivadika nahafoy an' i Abimeleka, **24** mba hitsingerenan' ny loza natao tamin' ny namonoana ny zanak' i Jerobala fito-polo lahy ka hanody an' i Abimeleka rahalahiny izay namono azy, sy ny mponina tao Sekema, izay nampahery ny tànany hamono ny rahalahiny. **25** Ary nanaovan' ny mponina tao Sekema otrika tany an-tampon-tendrombohitra izy, dia nobaboin' ny otrika izay rehetra nandalo tamin' izany lalana izany; ary nolazaina tamin' i Abimeleka izany. **26** Dia tonga tao Gala, zanak' i Ebeda, sy ny rahalahiny ka nankany Sekema, ary ny mponina tao Sekema natoky azy. **27** Dia nivoaka ho any an-tsaha izy ka nioty ny voalobony ary nanosihosy azy, dia nanao fanati-piderana ka niditra tao an-tranon' ny andriamaniny izy, dia nihinana sy nisotro ary nanozona an' i Abimeleka. **28** Ary hoy Gala, zanak' i Ebeda: Iza moa Abimeleka, ary iza moa Sekema, no hotompointsika? Tsy zanak' i Jerobala va izy? ary tsy Zebola va no lefiny? Manompoa ny taranak' i Hamora, rain' i Sekema; fa nahoana no hanompo io isika? **29** Ary enga anie ka ho eo ambanin' ny tanako ireto olona ireto! dia hesoriko Abimeleka. Dia hoy izy tamin' i Abimeleka: Hamaroy ny miaramilanao ka mivoaha. **30** Ary rehefa ren' i Zebola, komandin' ny tanàna, ny tenin' i Gala, zanak' i Ebeda, dia nirehitra ny fahatezerany. **31** Dia naniraka olona mangingina tany amin' i Abimeleka izy hanao hoe: Indro, Gala, zanak' i Ebeda, sy ny rahalahiny dia tonga ato Sekema; ary, indro, mandrendrika ny ato an-tanàna hiodina aminao izy. **32** Koa ankehitriny, miaingà alina ianao sy ny vahoaka eo aminao, ka manotreha any an-tsaha. **33** Ary raha maraina, raha vao miposaka ny masoandro, dia mifohaza maraina koa ianao, ka miroata hamely ny tanàna; ary, indro, raha mivoaka hiady aminao izy sy ny vahoaka eo aminy, dia ataovy aminy izay zakan' ny tananao. **34** Dia niainga alina Abimeleka sy ny vahoaka rehetra teo aminy ka nanao otrika efa-toko tandrifin' i Sekema, **35** Dia nivoaka Gala, zanak' i Ebeda, ka nijanona teo anoloan' ny vavahadin' ny tanàna; dia niroatra avy tao am-panotrehana Abimeleka sy ny vahoaka teo aminy. **36** Ary rehefa hitan' i Gala ny olona, dia hoy izy tamin' i Zebola: Indreo, misy olona midìna avy eny an-tampon' ny tendrombohitra. Fa hoy Zebola taminy: Ny aloky ny tendrombohitra no hitanao ka toa olona. **37** Dia niteny indray Gala ka nanao hoe: Indreo, misy olona eo amin' ny havoana, ary, indreo misy, antokony hafa mandeha amin' ny lalana eo amin' ny hazo terebinta Meonenima. **38** Dia hoy Zebola taminy: Aiza ny vavanao izay niteny hoe: Iza moa Abimeleka, no hotompointsika? Tsy ireo va no olona izay nohamavoinao? Mivoaha ankehitriny ka miadia aminy. **39** Dia nivoaka teo anoloan' ny mponina tao Sekema Gala ka niady tamin' i Abimeleka. **40** Dia nanenjika azy Abimeleka, ary nandositra teo anoloany izy, ka maro ny faty niampatrampatra hatreny anoloan' ny vavahady aza. **41** Ary Abimeleka nonina tany Aroma; ary Zebola nandroaka an' i Gala sy ny rahalahiny mba tsy honina any Sekema intsony. **42** Ary nony ampitson' iny dia nivoaka ho ratsy any an-tsaha ny olona; ary nolazaina tamin' i Abimeleka izany, **43** Dia naka ny vahoaka izy ka nizara azy ho telo toko ary nanotrika tany an-tsaha; dia nijery izy, ka, indreo, ny olona nivoaka avy tao an-tanàna; dia nitsangana hiady aminy izy ka namely azy. **44** Ary Abimeleka sy ny antokony izay teo aminy dia niroatra ka nitsangana teo anoloan' ny vavahadin-tanàna; ary ny roa toko kosa niroatra namely ny vahoaka rehetra tany an-tsaha ka namono azy. **45** Ary Abimeleka namely ny tanàna mandritra izany andro izany, dia nahafaka ny tanàna ka namono ny olona tao; ary noravany ny tanàna sady nofafazany sira. **46** Ary nony nandre izany ny olona rehetra tao amin' ny tilikambo tao Sekema, dia niditra tao amin' ny efi-trano fierena tao an-tranon' i Berita andriamaniny izy. **47** Ary nolazaina tamin' i Abimeleka fa tafangona tao amin' ny tilikambo tao Sekema ny olona rehetra. **48** Ary Abimeleka sy ny vahoaka teo aminy dia niakatra tany an-tendrombohitra Zalmona; ary Abimeleka nitondra famaky teny an-tànany, dia nikapa sampan-kazo, ka nobetainy izany, dia nolanjainy teny an-tsorony, ary hoy izy tamin' ny vahoaka teo aminy: Izay hitanareo ataoko, dia mba manaova faingana toy izany koa ianareo. **49** Koa samy nikapa sampan-kazo avy ny vahoaka rehetra ka nanaraka an' i Abimeleka, dia nametraka izany teo an-trano fiarovana ka nandoro azy tamin' ny afo, raha mbola tao ny olona, ka maty koa ny olona rehetra tao amin' ny tilikambo tao Sekema, na lehilahy na vehivavy, tokony ho arivo no isany. **50** Dia nandeha Abimeleka nankany Tebeza ary nitoby tandrifin' i Tebeza ka nahafaka azy. **51** Fa nisy tilikambo mafy tao anatin' ny tanàna, ka nandositra tao ny lehilahy rehetra sy ny vehivavy ary izay rehetra tao an-tanàna ka nihidy tao, dia niakatra teo an-tampon' ny tilikambo izy. **52** Ary Abimeleka nankany amin' ny tilikambo ka namely azy, dia nanatona ny varavaran' ny tilikambo izy handoro azy amin' ny afo. **53** Fa nisy vehivavy anankiray, nanjera vato fikosoham-bary tamin' ny lohan' i Abimeleka ka nahavaky ny karan-dohany. **54** Dia nantsoin' i Abimeleka faingana ny zatovo, mpitondra ny fiadiany, ka hoy izy taminy: Tsoahy ny sabatrao, ka vonoy aho, mba tsy hanaovan' ny olona ahy hoe: Vehivavy no

nahafaty azy. Dia namely azy miboroaka ilay zatovo, ka maty izy. **55** Ary rehefa hitan' ny lehilahy amin' ny Isiraely fa maty Abimeleka, dia samy lasa nandeha ho any amin' ny fonenany avy izy. **56** Izany no namalian' Andriamanitra ny ratsy nataon' i Abimeleka, izay efa nataony tamin' ny rainy tamin' ny namonoany ny rahalahiny fito-polo lahy. **57** Ary ny ratsy rehetra nataon' ny mponina tao Sekema dia natsingerin' Andriamanitra tamin' ny lohany avokoa, ka dia nihatra taminy ilay fanozonana nataon' i Jotama, zanak' i Jerobala.

10 Ary taorian' i Abimeleka dia nitsangana hamonjy ny Isiraely Tola, zanak' i Dodo, lehilahy avy tamin' ny Isakara; ary mponina tao Samira any amin' ny tany havoan' i Efraima izy. **2** Ary nitsara ny Isiraely telo amby roa-polo taona izy, dia maty ka nalevina tao Samira. **3** Ary nitsangana nandimby azy Jaïra Gileadita ka nitsara ny Isiraely roa amby roa-polo taona. **4** Ary nanana zanakalahy telo-polo izay nitaingina zana-boriky telo-polo izy, ary izy ireo nanana tanàna telo-polo any amin' ny tany Gileada; ary atao hoe Havota-jaïra mandraka androany ireo. **5** Dia maty Jaïra ka nalevina tany Kamona. **6** Ary ny Zanak' Isiraely dia nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah indray ka nanompo ireo Bala sy Astarta sy ny andriamanitr' i Syria sy ny andriamanitr' i Sidona sy ny andriamanitr' i Moaba sy ny andriamanitry ny taranak' i Amona ary ny andriamanitry ny Filistina, dia nahafoy an' i Jehovah izy ka tsy nanompo Azy. **7** Dia nirehitra tamin' ny Isiraely ny fahatezeran' i Jehovah, ka nivarotra azy ho eo an-tànan' ny Filistina sy ho eo an-tànan' ny taranak' i Amona Izy. **8** Ary nampahory sy nanorotoro ny Zanak' Isiraely ireo tamin' izany taona izany: valo ambin' ny folo taona no nampahoriany ny Zanak' Isiraely rehetra, izay tany an-dafin' i Jordana, tany amin' ny tanin' ny Amorita any Gileada. **9** Ary nita an' i Jordana ny taranak' i Amona mba hiady koa amin' ny Joda sy ny Benjamina ary ny taranak' i Efraima; ka dia nahantra indrindra ny Isiraely. **10** Dia nitaraina tamin' i Jehovah ny Zanak' Isiraely ka nanao hoe: Efa nanota taminao izahay, satria efa nahafoy an' Andriamanitray ka nanompo ireo Bala. **11** Ary hoy Jehovah tamin' ny Zanak' Isiraely: Moa tsy efa namonjy anareo tamin' ny tanan' ny Egyptiana sy ny Amorita sy ny taranak' i Amona ary ny Filistina va Aho? **12** Ary nampahory anareo koa ny Sidoniana sy ny Amalekita ary ny Maonita, ka nitaraina tamiko ianareo, dia novonjeko tamin' ny tànany. **13** Nefa ianareo nahafoy Ahy ka nanompo andriamani-kafa; koa izany kosa no tsy hamonjeko anareo intsony. **14** Mandehana, ka mitaraina amin' ireo andriamanitra efa nofidinareo; aoka ireo no hamonjy anareo amin' ny andron' ny fahantranareo. **15** Ary hoy ny Zanak' Isiraely tamin' i Jehovah: Efa nanota izahay; ataovy aminay izay rehetra sitrakao; kanefa mba vonjeo ihany izahay anio. **16** Dia nanary ireo andriamani-kafa tao aminy izy ka nanompo an' i Jehovah; dia tsy nahatsindry ny fanahiny intsony Jehovah noho ny fahantran' ny Isiraely. **17** Dia nivory ny taranak' i Amona ka nitoby tany Gileada. Ary nivory kosa ny Zanak' Isiraely ka nitoby tany Mizpa. **18** Dia nifampiera ny olona, dia ireo andrianan' i Gileada, hoe: Iza no lehilahy handeha voalohany hiady amin' ny taranak' i Amona? dia ho lohany amin' ny mponina rehetra any Gileada izy.

11 Ary Jefta Gileadita dia lehilahy mahery sy zanaky ny vehivavy janga; ary Gileada no rainy niteraka azy. **2** Ary ny vadin' i Gileada dia niteraka zazalahy maro taminy; ary nony efa lehibe ireo zana-badiny ireo, dia nandroaka an' i Jefta ka nanao taminy hoe: Tsy handova eto amin' ny taranaky ny rainay ianao, fa zanaky ny vehivavy hafa. **3** Ary Jefta nandositra ny rahalahiny ka nonina tany amin' ny tany Toba; dia nisy olom-poana nivory teo amin' i Jefta ka niaraka taminy. **4** Ary nony ela, dia nanafika ny Zanak' Isiraely ny taranak' i Amona. **5** Ary rehefa nanafika ny Isiraely ny taranak' i Amona, dia nandeha ny loholon' i Gileada haka an' i Jefta hiala any amin' ny tany Toba. **6** Ary hoy izy ireo taminy: Avia ho mpitarika anay ianao, hiadiantsika amin' ny taranak' i Amona. **7** Fa hoy Jefta tamin' ny loholon' i Gileada: Tsy efa nankahala ahy va ianareo ka nandroaka ahy hiala tao an-tranon' ny raiko? Koa nahoana no mankaty amiko indray ianareo ankehitriny, nony azom-pahoriana? **8** Dia hoy ny loholon' i Gileada tamin' i Jefta: Izany no iverenanay atỳ aminao ankehitriny, mba handehananao miaraka aminay, sy hiadianao amin' ny taranak' i Amona, ka dia ho lohany aminay mponina rehetra any Gileada ianao. **9** Dia hoy Jefta tamin' ny loholon' i Gileada: Raha ho entinareo mody indray aho mba hiady amin' ny taranak' i Amona, ka hatolotr' i Jehovah eo anoloako ireny, dia izaho hoe no ho lohany aminareo? **10** Dia hoy ny loholon' i Gileada tamin' i Jefta: Jehovah no ho vavolombelona amintsika, raha tsy hataonay araka izany teninao izany. **11** Dia nandeha Jefta niaraka tamin' ny loholon' i Gileada, ka dia nasandratry ny vahoaka ho lohany sy ho mpitarika azy izy; ary Jefta nilaza ny teniny rehetra teo anatrehan' i Jehovah tao Mizpa. **12** Dia naniraka olona Jefta nankamin' ny mpanjakan' ny taranak' i Amona hanao hoe: Moa mifaninona akory izaho sy ianao, no tonga atỳ amiko hiady amin' ny taniko ianao? **13** Dia hoy ny mpanjakan' ny taranak' i Amona tamin' ny irak' i Jefta: Satria nalain' ny Isiraely ny taniko hatrany Arnona ka hatrany Jaboka ary hatrany Jordana, fony niakatra avy tany Egypta izy; koa avereno amin' ny fihavanana ary izany ankehitriny. **14** Ary Jefta naniraka olona indray nankany amin' ny mpanakan' ny taranak' i Amona **15** ka nanao taminy hoe: Izao no lazain' i Jefta: Ny Isiraely tsy naka ny tanin' i Moaba na ny tanin' ny taranak' i Amona. **16** Fa fony niakatra avy tany Egypta ny Isiraely, dia nandeha nitety ny efitra hatramin' ny Ranomasina Mena izy ka tonga tany Kadesy. **17** Dia naniraka olona ny Isiraely nankany amin' ny mpanjakan' i Edoma ka nanao hoe: Aoka mba handeha hamaky ny taninao aho; fa tsy nety nihaino izany ny mpanjakan' i Edoma. Ary naniraka tany amin' ny mpanjakan' i Moaba koa izy; fa tsy nety koa izy; dia nitoetra tany Kadesy ny Isiraely. **18** Dia nandeha nitety ny efitra izy ka nanodidina ny tany Edoma sy ny tany Moaba, dia tonga teo atsinanan' i Moaba, ka nitoby teo an-dafin' i Arnona, fa tsy niditra teo anatin' ny faritanin' i Moaba; fa Arnona no fari-tanin' i

Moaba. **19** Ary ny Isiraely dia naniraka olona tany amin' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, izay mpanjakan' i Hesbona; ary hoy ny Isiraely taminy: Aoka mba handeha hamaky ny taninao izahay hankany amin' ny fonenanay. **20** Fa Sihona tsy natoky ny Isiraely hamaky ny fari-taniny, fa namory ny vahoakany rehetra izy, dia nitoby tany Jahaza ka niady tamin' ny Isiraely. **21** Ary Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, nanolotra an' i Sihona sy ny vahoakany rehetra teo an-tànan' ny Isiraely, ka namely azy ireo; dia azon' ny Isiraely ny tanin' ny Amorita rehetra, mponina tany amin' izany tany izany. **22** Dia nahazo ny tanin' ny Amorita rehetra izy hatrany Arnona, ka hatrany Jaboka ary hatramin' ny efitra ka hatrany Jordana. **23** Koa ankehitriny, Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, efa nandroaka ny Amorita teo anoloan' ny Isiraely olony: ary ianao kosa va tahaka ny tany? **24** Moa tsy hotananao izay tany omen' i Kemosy andriamanitrao anao va? Atỳ izay tany rehetra omen' i Jehovah Andriamanitray anay dia mba hotananay kosa. **25** Moa tsara noho Balaka, zanak' i Zipora, mpanjakan' i Moaba, va ianao? Nety nanohitra ny Isiraely na niady taminy akory va izy? **26** Raha ny Isiraely nitoetra telon-jato taona tany Hesboala sy ny zana-bohiny ary tany Aroera sy ny zana-bohiny ary tany amin' ny tanàna rehetra eny amoron' i Arnona, nahoana no tsy nalainareo ny tany tamin' izany andro izany? **27** Izaho tsy nanota taminao, fa ianao no manisy ratsy ahy, fa miady amiko; **28** Nefa tsy nohenoin' ny mpanjakan' ny taranak' i Amona ny tenin' i Jefta, izay nampitondrainy tany aminy. **29** Ary tonga tao amin' i Jefta ny Fanahin' i Jehovah, dia nandeha nitety an' i Gileada sy Manase izy; ka dia nitety an' i Mizpa any Gileada koa izy ka niala tany Mizpa any Gileada, dia nandroso nankany amin' ny taranak' i Amona. **30** Ary Jefta nivoady tamin' i Jehovah ka nanao hoe: Raha hatolotrao eo an-tanako tokoa ny taranak' i Amona, **31** dia ho an' i Jehovah Izay mivoaka amin' ny varavaran' ny tranoko hitsena ahy, rehefa miverina soa aman-tsara avy any amin' ny taranak' i Amona aho, ary hateriko ho fanatitra dorana izany. **32** Dia nandeha Jefta nankany amin' ny taranak' i Amona hiady aminy: ary natolotr' i Jehovah teo an-tànany ireo. **33** Dia namely azy izy hatrany Aroera ka hatrany akaikin' i Minita sy hatrany Abela-keramima, dia tanàna roa-polo, ka be dia be no maty. Dia resy teo anoloan' ny Zanak' Isiraely ny taranak' i Amona. **34** Ary Jefta tonga tany Mizpa ho any an-tranony, ary, indro, nivoaka ny zananivavy nitondra ampongatapaka sy mpandihy hitsena azy; ary vavy tokany io, fa tsy nanana zanakalahy na zanakavavy afa-tsy io izy. **35** Koa rehefa nahita azy Jefta, dia nandriatra ny fitafiany ka nanao hoe: Indrisy, ry zanako-vavy! Efa nampitanondrika ahy indrindra ianao, ary ianao no tonga nampidi-doza tamiko; fa izaho efa niloa-bava tamin' i Jehovah, ka tsy azoko afody intsony. **36** Fa hoy ny zananivavy taminy: Ry dada ô, raha niloa-bava tamin' i Jehovah ary ianao, dia ataovy amiko araka izay naloaky ny vavanao, satria Jehovah efa namaly ny taranak' i Amona fahavalonao ho anao. **37** Dia hoy koa izy tamin' ny rainy: Aoka izao no hatao amiko: aza maninona ahy aloha hatramin' ny roa volana mba handehandehanako hankeny amin' ny havoana hitomaniako, izaho sy ny namako, noho izaho mbola tsy nanambady akory. **38** Dia hoy kosa rainy: Mandehana ary. Dia nampandeha azy roa volana izy; ary dia nandeha razazavavy sy ny namany ka nitomany teny amin' ny havoana noho izy mbola tsy nanam-bady akory. **39** Ary rehefa tapitra ny roa volana, dia niverina tany amin' ny rainy izy; ary nataony taminy araka ny voadiny izay nataony; ary tsy mbola nahalala lahy izy. Ary tonga fanao tamin' ny Isiraely **40** ny fandehanan' ny zazavavin' ny Isiraely isan-taona hankalaza ny zanakavavin' i Jefta Gileadita hefarana isan-taona.

12 Ary nivory ny lehilahy amin' ny Efraima, dia nandeha nianavaratra ka nanao tamin' i Jefta hoe: Nahoana no nandeha niady tamin' ny taranak' i Amona ianao ka tsy mba niantso anay hiaraka aminao? Hodoranay amin' ny afo ny tranonao sy ianao. **2** Fa hoy Jefta taminy: Izaho sy ny oloko efa nanana ady mafy tamin' ny taranak' i Amona; ary niantso anareo aho, fa tsy namonjy ahy tamin' ny tànany ianareo. **3** Ary rehefa hitako fa tsy namonjy ahy ianareo, dia nanao ny aiko tsy ho zavatra aho ka nandeha niady tamin' ny taranak' i Amona, ary natolotr' i Jehovah teo an-tanako izy, koa nahoana ianareo no miakatra atỳ amiko anio hila ady amiko? **4** Ary Jefta dia namory ny lehilahy rehetra amin' ny Gileada ka niady tamin' ny Efraima; ary dia namely ny Efraima ny lehilahy amin' ny Gileada, satria hoy ireo: Hianareo Gileadita dia mpandositra avy amin' ny Efraima ao amin' ny taranak' i Efraima sy Manase. **5** Dia novonjen' ny Gileada ny fitàna any Jordana mankany amin' ny Efraima; ary nony niteny ny mpandositra avy amin' ny Efraima nanao hoe: Aoka mba hita aho; dia hoy ny lehilahy amin' ny Gileada taminy: Efraimita va ianao? ary raha hoy izy: Tsia, **6** dia hoy izy ireo taminy: Tonony ary ny hoe Shiboleta; fa hoy kosa izy: Siboleta, satria tsy nahay nanonona izany marina izy. Dia nisambotra azy ireo ka namono azy teo amin' ny fitàna ao Jordana; ary nahafatesana roa arivo sy efatra alina ny Efraimita tamin' izany andro izany. **7** Dia nitsara ny Isiraely enin-taona Jefta. Ary maty Jefta Gileadita ka nalevina tao amin' ny tanana anankiray any Gileada. **8** Ary Ibzana, avy any Betlehema, no nitsara ny Isiraely nandimby an' i Jefta. **9** Ary izy nanana zanakalahy telo-polo sy zanakavavy telo-polo, izay nampanambadiny tany ivelany, ary zazavavy telo-polo kosa no nampidiriny ho an' ny zananilahy. Ary nitsara ny Isiraely fito taona izy. **10** Dia maty Ibzana ka nalevina tany Betlehema. **11** Ary Elona Zebolonita no nitsara ny Isiraely nandimby azy; ary nitsara ny Isiraely folo taona izy. **12** Dia maty Elona Zebolonita ka nalevina tany Aialona ao amin' ny tanin' ny Zebolona. **13** Ary Abdona, zanak' i Elela, avy any Piratona, no nitsara ny Isiraely nandimby azy. **14** Ary nanana zanakalahy efa-polo sy zafy telo-polo izay nitaingina zana-boriky fito-polo izy, ary nitsara ny Isiraely valo taona. **15** Dia maty Abdona, zanak' i Elela, avy any Piratona, ka nalevina tany Piratona, any amin' ny tanin' ny Efraima any amin' ny tany havoan' ny Amalekita.

13 Ary ny Zanak' Isiraely nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah indray, ka dia natolotr' i Jehovah teo an-tànan' ny Filistina efa-polo taona izy. **2** Ary nisy lehilahy avy

tany Zora amin' ny fokon' ny Danita, Manoa no anarany; ary momba ny vadiny ka tsy niteraka. **3** Ary Ilay Anjelin' i Jehovah niseho tamin-dravehivavy ka nanao taminy hoe: Indro, momba ianao ka tsy niteraka; nefa hanan' anaka ianao ka hiteraka zazalahy. **4** Koa mitandrema ianao ankehitriny, ka aza misotro divay na toaka, ary aza mihinana akory izay zava-padina. **5** Fa, indro, hanan' anaka ianao ka hiteraka zazalahy; ary tsy mba hokasihin-kareza ny lohany; fa ho Nazirita ho an' Andriamanitra hatrany an-kibo ny zaza; ary izy no hanomboka hamonjy ny Isiraely amin' ny tanan' ny Filistina. **6** Dia nandeha ravehivavy ka nilaza tamin' ny vadiny hoe: Nisy lehilahin' Andriamanitra tonga tamiko, ary nahatahotra indrindra ny fijery azy, tahaka ny fijery Ilay Anjelin' Andriamanitra, ka tsy nanontany Azy izay nihaviany aho, ary tsy nambarany ahy ny anarany. **7** Fa hoy Izy tamiko: Indro, hanan' anaka ianao ka hiteraka zazalahy; koa ankehitriny aza misotro divay na toaka ianao, ary aza mihinana akory izay zava-padina; fa ho Nazirita ho an' Andriamanitra ny zaza hatrany an-kibo ka ambara-pahafatiny **8** Ary Manoa nangataka tamin' i Jehovah ka nanao hoe: Ry Tompo ô, aoka hankatỳ aminay indray ny lehilahin' Andriamanitra, ilay efa nirahinao, ka hampianatra anay ny hitondranay ny zaza izay ho teraka. **9** Ary Andriamanitra nihaino ny feon' i Manoa, ka dia nankany amin-dravehivavy indray Ilay Anjelin' Andriamanitra, raha tany an-tsaha izy; fa Manoa vadiny tsy teo aminy. **10** Dia nihazakazaka faingana ravehivavy ka nanambara tamin' ny vadiny hoe: Indro, niseho tamiko indray ny lehilahy izay tonga tamiko tamin' ilay indray andro. **11** Dia nitsangana Manoa ka nandeha nanaraka ny vadiny, dia nankany amin-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Hianao moa ilay lehilahy niteny tamin-dravehivavy? Dia hoy Izy: Eny, Izaho no Izy. **12** Dia hoy Manoa: Raha tanteraka ilay teninao, ahoana ange no hitondranay ny zaza, ary inona no ho asany? **13** Ary hoy Ilay Anjelin' i Jehovah tamin' i Manoa: Izay rehetra efa nolazaiko tamin-dravehivavy dia aoka hotandremany avokoa. **14** Izay rehetra avy amin' ny voaloboka dia aza avela hohaniny, ary aza avela hisotro divay na toaka izy, na hihinana akory izay zava-padina; izay rehetra nandidiako azy dia aoka hotandremany avokoa. **15** Ary hoy Manoa tamin' Ilay Anjelin' i Jehovah: Aoka mba hotananay Hianao mandra-pamboatray zanak' osy ho Anao. **16** Dia hoy Ilay Anjelin' i Jehovah tamin' i Manoa: Na dia tananao aza Aho, tsy mba hihinana amin' ny haninao Aho tsy akory; fa raha hanatitra fanatitra dorana ianao, dia aoka Jehovah no hanateranao izany. Fa tsy fantatr' i Manoa ho Anjelin' i Jehovah Izy. **17** Dia hoy Manoa tamin' Ilay Anjelin' i Jehovah: Iza moa no anaranao, mba hanomezanay voninahitra Anao, rehefa tanteraka ny teninao? **18** Ary hoy Ilay Anjelin' i Jehovah taminy: Nahoana no manontany ny anarako ianao? Fa anarana mahagaga izany. **19** Dia naka ny zanak' osy sy ny fanatitra hohanina Manoa ka nanatitra ireny teo ambonin' ny vatolampy ho an' i Jehovah; ary Ilay Anjely kosa nanao zava-mahagaga, raha mbola nijery teo Manoa mivady. **20** Ary raha niakatra ho amin' ny lanitra ny lelafo avy teo amin' ny alitara, dia niakatra teo anatin' ny lelafo avy teo amin' ny alitara Ilay Anjelin' i Jehovah. Ary nijery izany Manoa mivady, ka dia niankohoka tamin' ny tany. **21** Ary tsy niseho tamin' i Manoa sy ny vadiny intsony Ilay Anjelin' i Jehovah; dia fantatr' i Manoa fa Anjelin' i Jehovah Izy. **22** Ary hoy Manoa tamin' ny vadiny: Ho faty tokoa isika, satria efa nahita an' Andriamanitra. **23** Fa hoy ny vadiny taminy: Raha sitrak' i Jehovah ny hahafaty antsika, dia tsy ho nety nandray fanatitra dorana sy fanatitra hohanina tamin' ny tanantsika akory Izy, ary tsy ho nampahita antsika izany zavatra rehetra izany, ary tsy ho nampandre antsika izany zavatra izany ankehitriny. **24** Ary niteraka zazalahy ravehivavy, ka ny anarany nataony hoe Samsona; dia nitombo ny zaza, ary Jehovah nitahy azy. **25** Dia niantomboka nanindry azy indraindray ny Fanahin' i Jehovah tany Mahane-dana, teo anelanelan' i Zora sy Estaola.

14 Ary Samsona nidina nankany Timna ka nahita vehivavy tao avy amin' ny zanakavavin' ny Filistina. **2** Ary niakatra izy, dia nilaza tamin-drainy sy reniny hoe: Efa nahita vehivavy tany Timna avy amin' ny zanakavavin' ny Filistina aho; koa alao ho vadiko izy ankehitriny. **3** Fa hoy ny rainy sy ny reniny taminy: Moa tsy misy vehivavy va eto amin' ny zana-kavanao, na ato amin' ny firesako rehetra, no dia mandeha maka vady any amin' ny Filistina tsy mifora ianao? Dia hoy Samsona tamin-drainy: Izy ihany no alao ho ahy, fa izy no mahafinaritra ahy. **4** Fa tsy fantatry ny rainy sy ny reniny fa avy tamin' i Jehovah izany, satria nitady izay hiadiany tamin' ny Filistina Izy; fa tamin' izany andro izany ny Filistina no nanapaka ny Isiraely. **5** Dia nidina Samsona sy ny rainy aman-dreniny nankany Timna. Ary nony tonga tao amin' ny tanim-boaloboka tany Timna izy, indro, nisy liona tanora nierona taminy. **6** Dia nilatsaka tamin' i Samsona ny Fanahin' i Jehovah, ary ilay liona tanora dia nosamatsamahiny hoatra ny fanasamaka zanak' osy, nefa tsy nisy na inona na inona teny an-tànany; ary tsy nambarany tamin' ny rainy na tamin' ny reniny izay efa nataony. **7** Dia nidina izy ka niresaka tamin-dravehivavy; ary nahafinaritra an' i Samsona izy. **8** Ary rehefa afaka kelikely, dia niverina hampakatra azy Samsona ka nivily hizaha ny fatin' ilay liona; ary, indro, nisy reni-tantely nivangongo sy tantely tao amin' ilay fatin' ny liona. **9** Ary nalain' i Samsona izany ka nentiny teny an-tànany, dia nihinana teny am-pandehanana izy; ary nankany amin' ny rainy aman-dreniny izy, dia nanome azy, ka nihinana koa izy mivady; nefa tsy nambarany taminy fa tao amin' ny fatin' ilay liona no nangalany ny tantely. **10** Dia nidina ho any amin-dravehivavy ny rain' i Samsona; ary nanao fanasana teo Samsona, fa izany no fanaon' ny zatovo. **11** Ary rehefa nahita azy izy mianakavy, dia nametraka namana telo-polo lahy hitoetra ao aminy. **12** Ary hoy Samsona tamin' ireo: Hanao fampanonona aminareo aho; koa raha lazainareo amiko ny heviny ao anatin' ny hafitoana fanasana ka fantatrareo, dia homeko lobaka telo-polo sy akanjo intelo-polo miova ianareo. **13** Fa raha tsy mahalaza amiko kosa ianareo, dia homenareo lobaka telo-polo sy akanjo intelo-polo miova aho. Dia hoy izy ireo: Ataovy ary ny fampanonona mba hohenoinay. **14** Dia hoy

Samsona aminy: Avy tao amin' ny mpihinana no nivoahan' ny hanina; Ary avy tao amin' ny mahery no nivoahan' ny mamy. Dia tsy nahalaza ny fampanononona izy tao anatin' ny hateloana. **15** Ary nony tamin' ny andro fahafito, dia hoy izy tamin' ny vadin' i Samsona: Taomy ny vadinao hilaza ny fampanononona aminay, fandrao hodoranay amin' ny afo ianao sy ny ankohonan-drainao; efa nanasa anay va ianareo ho entinareo mifafa izay anananay? Moa tsy izany va? **16** Ary ny vadin' i Samsona dia nitomany teo anatrehany ka nanao hoe: Halanao aho, fa tsy tianao tsy akory; efa nanao fampanononona tamin' ny zanaky ny fireneko ianao, nefa tsy nolazainao tamiko ny heviny. Fa hoy izy taminy: Indro, na dia ny raiko sy ny reniko aza tsy nilazako azy, ka ianao va no hilazako? **17** Dia nitomany teo anatrehany tamin' ny hafitoana izay nisian' ny fanasana ravehivavy; ary nony tamin' ny andro fahafito dia nolazain' i Samsona taminy, satria nitorikisina taminy izy; ary izy kosa nilaza ny fampanononona tamin' ny zanaky ny fireneny. **18** Ary nony tamin' ny andro fahafito, raha tsy mbola maty ny masoandro, dia hoy ny lehilahy tao an-tanàna tamin' i Samsona: Inona no mamy noho ny tantely; Ary inona no mahery noho ny liona? Ary hoy kosa izy taminy: Raha tsy nampiasa ny ombivavikeliko ianareo. Dia tsy ho nahalala ny fampanononona nataoko. **19** Dia nilatsaka tamin' i Samsona ny Fanahin' i Jehovah ka nidina nankany Askelona izy, dia namono telo-polo lahy tao, ary nalainy ny fitafian' ireo ka nomeny ho an' izay nilaza ny fampanononona. Dia nirehitra ny fahatezeran' i Samsona, ka niakatra nankany amin' ny tranon-drainy izy. **20** Ary ny vadiny dia lasan' ny namany, izay efa nataony sakaizany.

15 Ary nony afaka kelikely, tamin' ny taom-pijinjana ny vary tritika, dia nitondra zanak' osy Samsona ho entiny mamangy ny vadiny, ka hoy izy: Hiditra ao amin' ny vadiko ao an-efi-trano aho. Nefa tsy namela azy hiditra ny rafozany, **2** fa hoy izy: Nataoko fa halanao mihitsy izy, ka dia nomeko ho an' ny namanao; moa tsy tsara tarehy noho izy va ny zandriny? Masìna ianao, aoka izy halainao ho solony. **3** Dia hoy Samsona taminy: Tsy hanantsiny aho izao, na dia hanisy ratsy ny Filistina aza. **4** Dia nandeha Samsona ka nisambotra amboahaolo telon-jato; dia naka zavatra hatao fanilo izy, ary nampifanendreny ny rambon' ny amboahaolo tsiroaroa avy ka nafehiny teo anelanelan' ny rambony ilay hatao fanilo. **5** Ary rehefa nampirehetiny ny fanilo, dia nalefany ho any amin' ny varin' ny Filistina ireny, ka nandoro ny amboara sy ny vary mbola mitsangana ary ny voli-oliva koa. **6** Ary hoy ny Filistina: Iza no nanao izany? Ary nisy nanao hoe: Samsona, vinanton' ilay Timnita, satria ny rafozany efa nanome ny vadiny ho an' ny sakaizany. Dia niakatra ny Filistina ka nandoro an-dravehivavy sy ny ankohonan-drainy tamin' ny afo. **7** Ary hoy Samsona taminy: Raha manao tahaka izany ianareo, dia mbola hamaly anareo tokoa aho, koa rehefa afaka izany, vao hitsahatra aho. **8** Dia namely azy izy ka nahatapaka ranjo sy fe ary nahafaty be dia be; dia nidina izy ka nitoetra teo an-tsefatsefak' ilay harambato mitresaka any Etama. **9** Ary niakatra ny Filistina, dia nitoby teo amin' ny Joda ka niely tany Lehy. **10** Ary hoy ny lehilahy amin' ny Joda: Nahoana no miakatra hamely anay ianareo? Dia hoy izy Hamatotra an' i Samsona no niakaranay, mba hanao aminy tahaka izay efa nataony taminay. **11** Dia nandeha ny lehilahy telo arivo amin' ny Joda nankany amin' ilay tsefatsefaky ny harambato mitresaka any Etama ka nanao tamin' i Samsona hoe: Tsy fantatrao va fa manapaka antsika ny Filistina? Inona izao nataonao taminay izao? Dia hoy izy taminy: araka izay nataony tamiko no mba nataoko taminy. **12** Dia hoy kosa izy ireo taminy: Hamatotra anao no nidinanay, mba hatolotray ho eo an-tànan' ny Filistina ianao. Dia hoy Samsona taminy: Mianiana amiko ary fa tsy hamely ahy ianareo. **13** Dia niteny taminy izy ireo ka nanao hoe: Tsia; fa hamatotra anao fotsiny ihany izahay ka hanolotra anao eo an-tànany; fa tsy hamono anao tsy akory izahay. Dia namatotra azy tamin' ny mahazaka roa vaovao izy ka nitondra azy niala tamin' ilay harambato. **14** Ary raha tonga tany Lehy izy, dia nanakora azy ny Filistina; ary ny Fanahin' i Jehovah nilatsaka taminy, dia tonga tahaka ny rongony izay nodorana tamin' ny afo ny mahazaka teny amin' ny sandriny ary afaka tamin' ny tànany ny fatorana. **15** Ary nahita valanoranom-boriky vaovao izy, dia naninjitra ny tànany naka azy, ka iny no namonoany arivo lahy. **16** Ary hoy Samsona: Tamin' ny valanoranom-boriky no nahafatesako ho antontany iray, eny, antontany roa; Tamin' ny valanoranom-boriky no nahafatesako arivo lahy. **17** Ary rehefa nitsahatra niteny izy, dia nariany ilay valanoranom-boriky teny an-tànany; ary ny anaran' izany tany izany dia natao hoe Ramata-lehy. **18** Ary nangetaheta indrindra izy, dia nitaraina tamin' i Jehovah ka nanao hoe: Hianao no nanome izao famonjen-dehibe izao tamin' ny tanan' ny mpanomponao; ary ankehitriny efa ho fatin-ketaheta aho ka hianjera ho eo an-tànan' ny tsy mifora! **19** Dia nampitresahin' Andriamanitra ilay fitoerana hoboka tany Lehy, ka niboiboika teo ny rano; ary rehefa nisotro izy, dia nody ny ainy, ka velona Izy; ka izany no nanaovany ny anarany hoe En-hakore, izay any Lehy mandraka androany. **20** Dia nitsara ny Isiraely roa-polo taona tamin' ny andron' ny Filistina izy.

16 Ary Samsona nankany Gaza ka nahita vehivavy janga teo, dia niditra tao aminy. **2** Ary nolazaina tamin' ny Gazita hoe: Tonga atỳ Samsona. Dia nanemitra azy izy ary nanotrika mandritra ny alina teo am-bavahadin' ny tanàna ka nangina mandritra ny alina; fa hoy izy: Raha maraina ny andro, dia hovonointsika izy. **3** Ary nandry Samsona mandra-pamatonalina, dia nifoha izy nony namatonalina, ka noraisiny ny vavahadin' ny tanàna mbamin' ny tolana roa, dia nongotany izy mbamin' ny hidiny ka nataony teny antsorony, dia nentiny ho any an-tampon' ny tendrombohitra izay tandrifin' i Hebrona. **4** Ary rehefa afaka izany, dia tia vehivavy atao hoe Delila tany an-dohasaha Soreka izy. **5** Ary ireo andrianan' ny Filistina niakatra nankany amin-dravehivavy ka nanao taminy hoe: Kolikoleo izy, ka izahao izay itoeran' ny heriny lehibe sy izay hahazoanay mamatotra azy mba hahafolaka azy; dia samy hanome anao sekely zato amby arivo avy izahay rehetra.

6 Dia hoy Delila tamin' i Samsona: Masìna ianao, lazao amiko izay itoeran' ny herinao lehibe sy izay hahazoana mamatotra anao hahafolaka anao. **7** Dia hoy Samsona taminy: Raha tady vaovao fito izay tsy mbola maina no amatorany ahy, dia ho osa aho ka ho tahaka ny olon-kafa. **8** Dia niakatra nankany aminy ireo andrianan' ny Filistina nitondra tady vaovao fito izay tsy mbola maina, dia namatotra azy tamin' ireny ravehivavy. **9** Ary nisy lehilahy nanotrika ka nitoetra taminy tao an' efi-trano. Dia hoy ravehivavy tamin' i Samsona: Hamely anao ny Filistina, ry Samsona! Dia notosany ny tady, tahaka ny fahamaiton' ny taretra rongony, raha lelafin' ny afo. Dia tsy fantatra ny heriny. **10** Ary hoy Delila tamin' i Samsona: Indro, efa namitaka ahy ianao ka nilaza lainga tamiko; ankehitriny, masìna ianao, lazao amiko izay hahazoana mamatotra anao. **11** Dia hoy kosa izy taminy: Raha mahazaka vaovao izay tsy mbola nanaovan-draharaha no amatorany ahy mafy, dia ho osa aho ka ho tahaka ny olon-kafa. **12** Dia naka mahazaka vaovao Delila, ka namatorany azy, dia hoy izy taminy: Hamely anao ny Filistina, ry Samsona! Ary nisy mpanotrika nitoetra tao an' efi-trano. Dia notosan' i Samsona ho afaka amin' ny sandriny ireny tahaka ny fahamaiton' ny taretra. **13** Dia hoy Delila tamin' i Samsona: Mandraka ankehitriny dia mbola namitaka ahy ihany ianao ka nilaza lainga tamiko; lazao amiko izay hahazoana mamatotra anao. Dia hoy kosa izy taminy: Raha tenomina hikambana amin' ny tenona ny foto-bolo fito amin' ny lohako. **14** Ary notsatohany ny fantaka izany, dia hoy izy taminy: Hamely anao ny Filistina, ry Samsona! Dia nifoha tamin' ny torimasony izy, ka nangotany ny fantaka sy ny tenona. **15** Dia hoy ravehivavy taminy: Nahoana ianao no nanao hoe: Tiako ianao, nefa ny tonao tsy amiko tsinona? Efa namitaka ahy intelo ianao izay, ka tsy mbola nolazainao tamiko ihany izay itoeran' ny herinao lehibe. **16** Ary rehefa nitorikisina taminy isan' andro ravehivavy ka nahasosotsosotra azy, dia tsy nahafinaritra azy intsony ny miaina. **17** Ary dia nambarany azy ny tao am-pony rehetra, ka hoy izy taminy: Tsy mbola nokasihin-kareza ny lohako, fa Nazirita ho an' Andriamanitra hatrany an-kibon-dreniko aho; koa raha haratana aho, dia hiala amiko ny heriko, ary ho osa aho ka ho tahaka ny olona rehetra, **18** Ary rehefa hitan' i Delila fa efa nambarany azy ny tao am-pony rehetra, dia naniraka izy nampaka ireo andrianan' ny Filistina nanao hoe: Miakara amin' izao indray mandeha izao, fa efa nambarany ahy ny tao am-pony rehetra. Ary ireo andrianan' ny Filistina niakatra ho any aminy nitondra ny vola teny an-tànany. **19** Ary ravehivavy nanondana an' i Samsona hatory teo an-dohaliny, dia niantso lehilahy ka nanaratra ny foto-bolo fito amin' ny lohany; dia vao izay no nampietry azy izy, satria niala taminy ny heriny. **20** Dia hoy ravehivavy: Hamely anao ny Filistina, ry Samsona! Dia nifoha tamin' ny torimasony izy ka nanao hoe: Hivoaka tahaka ny teo aloha aho ka hanetsika ny tenako. Kanjo tsy fantany fa Jehovah efa niala taminy. **21** Dia nisambotra azy ny Filistina ka namotsitra ny masony, dia nitondra azy nidina nankany Gaza ary namatotra azy tamin' ny gadra varahina; ary nitoto vary tao an-trano famatorana izy. **22** Ary dia naniry indray ny volon-dohany, rehefa voaharatra. **23** Ary nivory ireo andrianan' ny Filistina hamono zavatra betsaka hatao fanatitra ho an' i Dagona andriamaniny sy hifaly; fa hoy izy: Efa natolotry ny andriamanitsika eto an-tanantsika Samsona fahavalontsika. **24** Ary rehefa nahita azy ny vahoaka, dia nidera ny andriamaniny ka nanao hoe: Efa natolotry ny andriamanitsika eto an-tanantsika ilay fahavalontsika, mpanimba ny tanintsika, izay nahabe maty antsika. **25** Ary rehefa faly ny fony, dia hoy izy: Alao Samsona mba hanao laolao ho antsika. Dia nampaka an' i Samsona avy tao an-trano famatorana izy, ka nanao laolao teo anatrehan' ireo Samsona; ary nampitsanganiny teo anelanelan' ny andry izy. **26** Ary hoy Samsona tamin' ny zatovo izay nitantana azy: Avelao kely aho hitsapa ny andry izay manohana ny trano, hiankinako aminy. **27** Ary feno lehilahy sy vehivavy ny trano, ary tao ireo andrianan' ny Filistina rehetra, ary teo an-tampon-trano koa nisy lehilahy sy vehivavy tokony ho telo arivo, izay finaritra nijery an' i Samsona nanao laolao. **28** Ary Samsona niantso an' i Jehovah ka nanao hoe: Jehovah Tompo ô, mifona aminao aho, tsarovy aho, ka ampaherezo izao indray mandeha izao monja, ry Andriamanitra ô, hamaliako ny Filistina noho ny anankiray amin' ny masoko roa. **29** Dia notanan' i Samsona ny andry roa teo afovoany izay nanohana ny trano, ny anankiray tamin' ny tanany ankavanana, ary ny anankiray tamin' ny tànany ankavia, ka niankina teo izy. **30** Dia hoy Samsona: Aoka hiara-maty amin' ny Filistina aho. Dia nezahiny mafy, ka dia nianjera tamin' ireo andriana sy ny vahoaka rehetra izay teo ny trano. Ary ny maty izay novonoiny teo amin' ny nahafatesany no be lavitra noho izay novonoiny tamin' ny andro niainany. **31** Ary nidina ny rahalahiny sy ny mpianakavin-drainy rehetra, dia naka ny fatiny ka nitondra azy niakatra, dia nandevina azy teo anelanelan' i Zora sy Estaola tao amin' ny fasan' i Manoa rainy. Ary izy efa nitsara ny Isiraely roa-polo taona.

17 Nisy lehilahy tany amin' ny tany havoan' i Efraima, Mika no anarany. **2** Ary hoy izy tamin' ny reniny: Ilay sekely volafotsy zato amby arivo nalaina taminao, izay nasianao ozona sady nolazainao teo anatrehako, indro, ato amiko ny vola; izaho no naka azy. Dia hoy ny reniny: Hotahin' i Jehovah anie ny zanako. **3** Ary rehefa naveriny tamin' ny reniny ny sekely volafotsy zato amby arivo, dia hoy reniny: Atokako ho an' i Jehovah mihitsy ity vola avy amin' ny tanako ity ka hatolotro ho anao, ry zanako, hanaovana sarin-javatra voasokitra sy sarin-javatra an-idina, ary ankehitriny dia averiko ho aminao izy. **4** Ary rehefa naveriny tamin-dreniny ny volafotsy, dia naka volafotsy roan-jato ny reniny, ka nomeny ny mpanao an-idina hataony sarin-javatra voasokitra sy sarin-javatra an-idina; dia natao tao an-tranon' i Mika izany. **5** Ary nanana tranon' andriamanitra Mika sady efa nanao efoda sy terafima; ary ny zanany anankiray no natokany ka tonga mpisorony. **6** Tamin' izany andro izany tsy nisy mpanjaka tamin' ny Isiraely: fa samy nanao izay nataony ho marina avy ny olona rehetra. **7** Ary nisy zatovo avy any Betlehema-joda, tamin' ny fokon' i Joda, ary Levita izy sady nivahiny

tao. **8** Ary ralehilahy niala tao an-tanàna Betlehema-joda hivahiny any amin' izay azony hitoerana; ary nony nandeha izy, dia tonga tany amin' ny tany havoan' i Efraima tao an-tranon' i Mika. **9** Ary hoy Mika taminy: Avy aiza moa ianao? Dia hoy kosa izy taminy: Levita avy any Betlehema-joda aho ka mandeha hivahiny eny amin' izay azoko hitoerana. **10** Dia hoy Mika taminy: Mitoera atỳ amiko ianao, ary aoka ho raiko sy ho mpisoroko, dia homeko sekely folo volafotsy isan-taona sy fitafiana ary hanina. Dia niditra ilay Levita. **11** Ary nanaiky hitoetra tao amin-dralehilahy ilay Levita, ka dia tonga tahaka ny zanany izy. **12** Dia natokan' i Mika ilay Levita, ka dia tonga mpisorony izy ary nitoetra tao an-tranon' i Mika. **13** Dia hoy Mika: Fantatro izao fa hanisy soa ahy Jehovah, satria manana ity Levita ity ho mpisoroko aho.

18 Ary tamin' izany andro izany dia tsy nisy mpanjaka teo amin' ny Isiraely; ary tamin' izany andro izany kosa ny firenen' i Dana nitady lova mba honenany, satria na dia hatramin' izany andro izany aza dia tsy mbola nahazo lova ho azy teo amin' ny firenen' Isiraely izy. **2** Ary ny taranak' i Dana naniraka dimy lahy nofantenany avy amin' ny fokony rehetra, dia lehilahy mahery, avy tany Zora sy Estaola, mba hisafo ny tany sy hizaha ny toetrany; ary hoy izy taminy: Mandehana izahao ny toetry ny tany. Ary tonga tany amin' ny tany havoan' i Efraima tao an-tranon' i Mika izy, dia nandry tao. **3** Rehefa mby teo akaikin' ny tranon' i Mika izy, dia fantany ny feon' ilay Levita zatovo; dia nivily teo izy ka nanao taminy hoe: Iza no nitondra anao tatỳ? ary maninona atỳ ianao? ary inona no anananao atỳ? **4** Dia hoy kosa izy taminy: Izany ka izany no nataon' i Mika tamiko, ary efa nanamby ahy izy, ka efa mpisorony aho izao. **5** Dia hoy izy ireo taminy: Masìna ianao, manontania amin' Andriamanitra mba ho fantatray na hambinina amin' ny lalana alehanay izahay, na tsia. **6** Dia hoy ilay mpisorona taminy: Mandehana soa aman-tsara; fa eo anatrehan' i Jehovah izao lalana alehanareo izao. **7** Dia nandeha izy dimy lahy ka tonga tany Laisy, ary hitany ny olona tao, fa nonina tsy nanana ahiahy tahaka ny fanaon' ny Sidoniana izy, dia nandry fahizay ka tsy nanana ahiahy, sady tsy nisy mpanapaka hampahory azy teo amin' ny tany na amin' inona na amin' inona; ary lavitra ny Sidoniana izy sady tsy nanan-draharaha tamin' olona akory. **8** Dia nandeha ho any amin' ny rahalahiny any Zora sy Estaola ireo; ary hoy ny rahalahiny taminy: Naninona moa ianareo? **9** Dia hoy izy: Mitsangàna, ka aoka isika hiakatra hamely azy; fa efa nahita ny tany izahay, fa, indro, tsara indrindra izany; moa mbola mijanonjanona ihany va ianareo? aza malain-kandeha hiditra handova ny tany. **10** Raha mandeha ianareo, dia ho tonga any amin' ny olona tsy manana ahiahy sy any amin' ny tany malalaka; fa efa natolotr' Andriamanitra ho eo an-tananareo izany; dia tany tapi-javatra irina atỳ ambonin' ny tany. **11** Dia nisy niainga avy tamin' ny fokon' i Dana, avy tany Zora sy Estaola, dia enin-jato lahy efa voaomana tamin' ny fiadiany. **12** Ary niakatra ireo ka nitoby tany Kiriata-jearima any Joda (izany no nanaovana ny anaran' izany tany izany hoe mandraka androany Mahane-dana; indro, eo andrefan' i Kiriata-jearima izany). **13** Dia niala tao izy ka nandroso nantany amin' ny tany havoan' i Efraima, dia tonga tao an-tranon' i Mika. **14** Ary niteny izy dimy lahy, izay nandeha hisafo ny tany Laisy, ka nanao tamin' ny rahalahiny hoe: Fantatrareo va fa ato amin' ireto trano ireto misy efoda sy terafima ary sarin-javatra voasokitra sy sarin-javatra an-idina? koa hevero izay hataonareo. **15** Dia nivily tao izy ka tonga tao an-tranon' ilay Levita zatovo, dia tao an-tranon' i Mika, ka niarahaba azy. **16** Ary ny enin-jato lahy efa voaomana tamin' ny fiadiany, izay avy tamin' ny taranak' i Dana, dia nijanona teo anoloan' ny vavahady. **17** Ary niakatra izy dimy lahy, izay nandeha hisafo ny tany, dia niditra ka naka ny sarin-javatra voasokitra sy ny efoda sy ny terafima ary ny sarin-javatra an-idina; ary ny mpisorona mbamin' ny enin-jato lahy efa voaomana tamin' ny fiadiany nijanona teo anoloan' ny vavahady. **18** Dia niditra tao an-tranon' i Mika ireo ka naka ny sarin-javatra voasokitra sy ny efoda sy ny terafima ary ny sarin-javatra an-idina. Ary hoy ny mpisorona taminy: Maninona ianareo? **19** Dia hoy ireo taminy: Mangìna ianao, tampeno ny tananao ny vavanao, ka andeha hiaraka aminay, dia ho rainay sy mpisoronay ianao; moa tsara ho anao va ny ho mpisorona ho an' ny olona iray trano noho ny ho mpisorona amin' ny firenena iray sy ny foko iray amin' ny Isiraely? **20** Dia faly ny fon' ilay mpisorona, ka nalainy ny efoda sy ny terafima ary ny sarin-javatra voasokitra, ary nandeha voahodidin' ny olona izy. **21** Dia nihodina izy ireo ka lasa nandeha; ary ny zaza amim-behivavy sy ny omby aman' ondry mbamin' ny entany tsara dia nataony teo alohany. **22** Ary rehefa lasa lavitra ny tranon' i Mika izy, dia nivory ny lehilahy nifanolo-bodirindrina tamin' i Mika ka nahatratra ny taranak' i Dana. **23** Dia niantso ny taranak' i Dana izy. Ary niherika ireo ka nanao tamin' i Mika hoe: Haninona ianao, no nanangona olona maro toy izao? **24** Ary hoy Izy: Ny andriamanitro izay nataoko sy ny mpisorona koa dia nalainareo, ka lasa ianareo; koa inona intsony no mba ho ahy? Ary ahoana no anaovanareo amiko hoe: Haninona ianao? **25** Dia hoy ny taranak' i Dana taminy: Aoka tsy ho re eto aminay intsony ny feonao, fandrao hisy olo-masiaka hamely anareo, ka dia hanao izay hahafaty ny tenanao sy ny ankohonanao ianao. **26** Dia nandeha tamin' ny nalehany ny taranak' i Dana; ary rehefa hitan' i Mika fa ireo dia nahery noho izy, dia niverina izy ka nody tany an-tranony. **27** Ary izy ireo naka izay zavatra efa nataon' i Mika sy ny mpisorona izay tao aminy, dia nankany Laisy ho any amin' ny olona mandry fahizay ka tsy manana ahiahy, dia namely azy tamin' ny lelan-tsabatra ireo; ary ny tanàna nodorany tamin' ny afo. **28** Ary tsy nisy namonjy, satria lavitra an' i Sidona izany, ary tsy nanan-draharaha tamin' olona akory izy, sady teo amin' ny lohasaha izay any Beti-rehoba izany. Dia nanorina ny tanàna izy ireo ka nonina tao. **29** Ary ny anaran' ny tanàna nataony hoe Dana, araka ny anaran' i Dana rainy, izay naterak' Isiraely; kanefa Laisy no anaran' ny tanàna taloha. **30** Dia natsangan' ny taranak' i Dana ilay sarin-javatra voasokitra; ary Jonatana, zanak' i Gersoma, zanak' i Mosesy, sy ny zanany, no mpisorona ho an' ny firenen' i Dana hatramin' ny andro namaboana ny tany. **31** Ary

nampitoeriny ho azy ilay sarin-javatra voasokitra nataon' i Mika mandritra ny andro rehetra niorenan' ny tranon' Andriamanitra tao Silo.

19 Ary tamin' izany andro izany, raha tsy nisy mpanjaka teo amin' ny Isiraely, dia nisy Levita anankiray nivahiny tary an-tsisin' ny tany havoan' i Efraima, ka naka vaditsindrano avy any Betlehema-joda. **2** Ary ny vaditsindranony nijangajanga sy nisintaka taminy ka nandao azy ary nankany an-tranon-drainy any Betlehema-joda, dia nitoetra tao efa-bolana mipaka. **3** Ary niainga ralehilahy ka nandeha nanaraka azy hanao teny malefaka taminy hampody azy ary nitondra ny zatovony sy boriky roa; dia nampiantranoin-dravehivavy ho ao an-tranon-drainy izy, ka nony hitan' ny rain-drazazavavy ralehilahy, dia faly izy nihaona taminy. **4** Ary nihazona azy ny rafozany, rain-drazazavavy, ka nitoetra teo aminy hateloana izy, dia nihinana sy nisotro ary nandry tao izy roa lahy. **5** Ary nony tamin' ny andro fahefatra, dia nifoha maraina koa izy ka niomana handeha; fa hoy ny rain-drazazavavy tamin' ny vinantony: Aoka aloha mba hanao ody am-bavafo kely ianao, ary rehefa afaka izany, dia handeha ianareo. **6** Dia nipetraka izy roa lahy ka niara-nihinana sy nisotro; dia hoy ny rain-drazazavavy tamin-dralehilahy: Mba maneke ny handry eto anio alina, ary aoka ho faly ny fonao. **7** Ary raha niomana handeha ralehilahy, dia nanery azy hitoetra ny rafozany, ka dia tafandriana tao indray izy. **8** Dia nifoha maraina koa izy handeha nony tamin' ny andro fahadimy; fa hoy ny rain-drazavazavy: Aoka mba hanao ody am-bavafo kely ianao, ary mijanonjanona aloha mandra-pihilan' ny andro; ary dia niara-nihinana izy roa lahy. **9** Ary raha niainga handeha ralehilahy sy ny vaditsindranony ary ny ankizilahiny, dia hoy ny rafozany, rain-drazazavavy, taminy Indro, efa ho hariva ny andro izao, koa masìna ianao, mandria re anio alina; indro, efa hilentika ny masoandro, ka mandria eto, mba hifalian' ny fonao; ary rahampitso dia hifoha maraina koa ianareo, ka handeha hody ianao. **10** Fa tsy nety nijanona intsony ralehilahy tamin' izany alina izany, fa niainga ihany izy ka nandeha, dia tonga tandrifin' i Jebosa (Jerosalema izany); ary boriky roa samy voaisy lasely no nentiny, ary ny vaditsindranony niaraka taminy koa. **11** Ary rehefa mby teo akaiky an' i Jebosa izy, ka efa ho hariva ny andro, dia hoy ny zatovo tamin' ny tompony: Andeha hiakatra ato amin' ity tanànan' ny Jebosita ity isika ka handry ato. **12** Fa hoy ny tompony taminy: Tsy hiakatra amin' ny tanànan' ny olona hafa firenena izay tsy isan' ny Zanak' Isiraely isika, fa handroso ihany ho any Gibea. **13** Ary hoy izy tamin' ny zatovony: Andeha isika hankamin' ny anankiray amin' ireto tanàna ireto, dia any Gibea, na any Rama, ka handry any. **14** Dia nandroso izy ka nandeha; ary raha mbola teo akaiky an' i Gibea, izay an' ny Benjamita, izy, dia nilentika ny masoandro. **15** Ka dia nivily teo izy handeha handry any Gibea; ary niakatra izy ka nipetraka teo amin' ny kianjan' ny tanàna; fa tsy nisy olona nampiantrano azy handry tao an-tranony. **16** Ary, indro, nisy lehilahy anti-panahy avy niasa tany an-tsaha nony hariva, sady olona avy any amin' ny tany havoan' i Efraima koa izy, saingy nitoetra tany Gibea, fa ny mponina tao amin' izany tanana izany dia Benjamita. **17** Ary rehefa nanopy ny masony izy ka nahita ilay vahiny teo an-kianjan' ny tanana, dia hoy ilay lehilahy anti-panahy: Hankaiza moa ianao? Ary avy taiza? **18** Dia hoy izy taminy: Avy tany Betlehema-joda izahay ka hankarỳ an-tsisin' ny tany havoan' i Efraima, fa any no tany nihaviako; ary nankany Betlehema-joda aho, fa mpankany an-tranon' i Jehovah; ary tsy misy olona mampiantrano ahy; **19** kanefa misy mololo sy hanina ihany ho an' ny borikinay, sady misy mofo sy divay ho ahy sy ny ankizivavinao ary ho an' ny zatovo manaraka ny mpanomponao: tsy misy zavatra ilainay intsony. **20** Dia hoy ilay lehilahy anti-panahy: Fiadanana anie ho anao; aoka ho adidiko izay rehetra ilainao, fa aza mandry foana eto an-kianja. **21** Dia nitondra azy tany an-tranony izy ka nampihinana ny boriky; dia nanasa tongotra izy ireo ka nihinana sy nisotro. **22** Ary raha mbola nampifaly ny fony izy, indro, ny mponina tao an-tanàna, olona tena ratsy fanahy, dia nanodidina ny trano ka nandondona mafy ny varavarana ary niteny tamin' ilay lehilahy anti-panahy tompo-trano hoe: Avoahy ny lehilahy izay niditra ato an-tranonao, mba hahalalanay azy. **23** Dia nivoaka nankeo aminy ralehilahy tompo-trano ka nanao taminy hoe: Tsia, ry rahalahiko, masìna ianareo, aza manao ratsy; fa tonga ato an-tranoko ity lehilahy ity, koa aza manao izany zavatra fady indrindra izany ianareo. **24** Indreto ny zanako-vavy virijina sy ny vaditsindranon-dralehilahy, aoka mba ho entiko mivoaka ireo, ka mandria aminy, ary ataovy aminy izay sitrakareo; fa aza ity lehilahy ity no anaovanareo izany zavatra fady indrindra izany. **25** Fa tsy nety nihaino azy ireo lehilahy ireo, ka dia nalain-dralehilahy ilay vaditsindrano ka navoakany taminy teo ala-trano; dia nahalala azy ireo ka nanao ditra taminy mandritra ny alina mandra-pahamarain' ny andro; ary rehefa hiposaka ny masoandro, vao nalefany handeha izy. **26** Ary rehefa ho maraina ny andro, dia tonga ravehivavy, ka lavo teo am-baravaran' ny tranon-dralehilahy, izay nitoeran' ny vadiny, ka nivalandotra teo mandra-pahazavan' ny andro. **27** Dia nifoha maraina ralehilahy ka namoha ny varavaran' ny trano, dia nivoaka handeha tamin' ny lalan-kalehany; ary, indro, ravehivavy vaditsindranony miampatra eo am-baravaran' ny trano, ary ny tanany eo amin' ny tokonana. **28** Ary hoy ralehilahy taminy: Mitsangàna, andeha isika. Kanjo tsy nisy namaly. Dia nobetain-dralehilahy izy ka nasampiny teo amin' ny borikiny; dia niainga izy nandeha ho any amin' ny fonenany. **29** Ary rehefa tonga tao an-tranony izy, dia naka antsy, ka noraisiny ny fatin' ny vaditsindranony, dia norasainy araka ny famavanin' ny taolana ho roa ambin' ny folo toko, ka nampitondrainy eran' ny tanin' ny Isiraely rehetra. **30** Ary hoy ity rehetra nahita: Tsy nisy zavatra natao na hita toy izany hatramin' ny andro niakaran' ny Zanak' Isiraely avy tany amin' ny tany Egypta ka mandraka androany; hevero izany, samia maka saina, ka ambarao.

20 Dia nivoaka ny Zanak' Isiraely rehetra, ary ny fiangonana hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba ary ny tany Gileada koa nivory tahaka ny olona iray ho any amin' i Jehovah tany Mizpa. **2** Ary ny loholona rehetra tamin'

ny firenen' Isiraely niseho teo amin' ny fiangonan' ny olon' Andriamanitra, dia lehilahy efatra hetsy mandeha tongotra sady mahatan-tsabatra. **3** Ary ren' ny taranak' i Benjamina fa niakatra ho any Mizpa ny Zanak' Isiraely. Dia hoy ny Zanak' Isiraely: Lazao izay nahatonga izao ratsy izao. **4** Dia namaly ilay Levita, vadin-dravehivavy novonoina, ka nanao hoe: Tonga tany Gibea, izay an' ny Benjamita, izaho sy ny vaditsindranoko handry tao. **5** Dia nitsangana hamely ahy ny mponina tao Gibea ka nanodidina ny trano hamely ahy tamin' ny alina; izaho saiky novonoiny, ary ny vaditsindranoko nandriany ka matiny. **6** Dia nalaiko ny vaditsindranoko ka norasaiko ary nampitondraiko tany amin' ny tany rehetra izay lovan' ny Isiraely, satria efa nanao fahavetavetana sy zavatra fady indrindra teo amin' ny Isiraely ireo. **7** Koa indreto ianareo Zanak' Isiraely rehetra, mba alaharo izay teny sy hevitrareo. **8** Dia nitsangana tahaka ny olona iray ny vahoaka rehetra ka nanao hoe: Tsy hisy hankany amin' ny laintsika akory isika, ary tsy hisy hody any an-tranontsika akory. **9** Fa ankehitriny, izao no hataontsika amin' i Gibea: araka ny filokana no aoka hanaovantsika azy. **10** Ary haka folo lahy isan-jato amin' ny firenen' Isiraely rehetra isika, dia zato amin' ny arivo, ary arivo amin' ny iray alina, mba haka vatsy ho an' ny olona, ka rehefa tonga any Gibean' ny Benjamina izy, dia araka ilay zavatra fady indrindra efa nataony teo amin' ny Isiraely no hataony aminy. **11** Dia nivory ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely ka efa nikambana tahaka ny olona iray hamely ny tanàna. **12** Ary ny firenen' Isiraely dia naniraka olona tany amin' ny firenen' i Benjamina rehetra hanao hoe: Inona izao ratsy natao teto aminareo izao? **13** Koa ankehitriny atolory anay ireo olona tena ratsy fanahy avy any Gibea ireo, mba hataonay maty izy, ka hesorinay tsy ho eo amin' ny Isiraely ny ratsy. Fa ny taranak' i Benjamina tsy nety nihaino ny feon' ny Zanak' Isiraely rahalahiny. **14** Ary nivory ny taranak' i Benjamina avy tamin' ny tanànany rehetra hankany Gibea mba handeha hiady amin' ny Zanak' Isiraely. **15** Dia voalamina tamin' izany andro izany ny taranak' i Benjamina avy tamin' ireo tanàna ireo, ka enina arivo sy roa alin-dahy nahatan-tsabatra, afa-tsy ny mponina tao Gibea izay voalamina, dia fiton-jato lahy voafantina. **16** Ary teo amin' izany olona rehetra izany nisy olona kavia fiton-jato lahy nofantenany, samy nahay nitoraka tamin' ny antsamotady, ka tsy nisy nivena na dia hoatra ny singambolo aza. **17** Ary ny lehilahy voalamina tamin' ny Isiraely, afa-tsy ny Benjamina, dia efatra hetsy nahatan-tsabatra; mpanafika avokoa ireo rehetra ireo. **18** Dia niainga ny Zanak' Isiraely ka niakatra tany Betela ary nanontany tamin' Andriamanitra hoe: Iza no hiakatra voalohany hiady amin' ny taranak' i Benjamina ho anay? Dia hoy Jehovah: Joda no ho voalohany. **19** Dia niainga maraina koa ny Zanak' Isiraely ka nitoby tandrifin' i Gibea. **20** Ary nivoaka ny lehilahy amin' ny Isiraely hiady amin' ny Benjamita; ary nilahatra ny lehilahy amin' ny Isiraely hiady aminy tao akaiky an' i Gibea. **21** Ary nivoaka avy tany Gibea kosa ny taranak' i Benjamina ka naharingana ny Zanak' Isiraely roa arivo sy roa alin-dahy niampatrampatra tamin' ny tany tamin' izany andro izany. **22** Fa nifanome toky ny lehilahy amin' ny Isiraely ka nilahatra hiady indray teo amin' ilay nilaharany tamin' ny andro voalohany. **23** Ary niakatra ny Zanak' Isiraely ka nitomany teo anatrehan' i Jehovah mandra-paharivan' ny andro, dia nanontany tamin' i Jehovah hoe: Handroso indray va aho hiady amin' ny taranak' i Benjamina rahalahiko? Ary hoy Jehovah: Miakara hiady aminy. **24** Ary ny Zanak' Isiraely dia nandroso tamin' ny andro faharoa hiady amin' ny taranak' i Benjamina. **25** Dia nivoaka avy tany Gibea ny Benjamita hiady aminy indray tamin' ny andro faharoa ka naharingana ny Zanak' Isiraely valo arivo sy iray alin-dahy niampatrampatra tamin' ny tany; nahatan-tsabatra avokoa ireo rehetra ireo. **26** Dia niakatra ny Zanak' Isiraely rehetra sy ny olona rehetra ka nankany Betela, dia nitomany sy nipetraka teo anatrehan' i Jehovah ary nifady hanina tamin' izany andro izany mandra-paharivan' ny andro; ary nanatitra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana teo anatrehan' i Jehovah izy. **27** Dia nanontany tamin' i Jehovah ny Zanak' Isiraely (fa tao ny fiaran' ny faneken' Andriamanitra tamin' izany andro izany, **28** ary Finehasa, zanak' i Eleazara, zanak' i Arona, nijanona teo anoloany tamin' izany andro izany) ka nanao hoe: Mbola hivoaka indray va aho hiady amin' ny taranak' i Benjamina rahalahiko, sa hitsahatra? Ary hoy Jehovah: Miakara, fa rahampitso dia hatolotro ho eo an-tananao izy. **29** Ary nasian' ny Isiraely otrika manodidina an' i Gibea. **30** Dia niakatra ny Zanak' Isiraely tamin' ny andro fahatelo hiady amin' ny taranak' i Benjamina ka nilahatra tandrifin' i Gibea tahaka ilay teo aloha ihany. **31** Dia nivoaka ny taranak' i Benjamina hiady tamin' ny olona ka voatarika niala tamin' ny tanàna izy ary nanomboka namely sy nahafaty ny olona tahaka ny teo aloha, dia tokony ho telo-polo lahy teo amin' ny Isiraely tany an-tsampanan-dalana, miakatra ho any Betela ny anankiray, ary ny anankiray kosa ho any Gibea any an-tsaha. **32** Ary hoy ny taranak' i Benjamina: Resy eo anoloantsika tahaka ilay teo aloha ihany izy. Fa hoy ny Zanak' Isiraely: Andeha hanao tari-dositra isika mba hampiala azy amin' ny tanàna ho any an-dalambe. **33** Ary ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely nitsangana niala tamin' ny fitoerany ka nilahatra tany Bala-tamara; ary ny Isiraely izay nanotrika dia niroatra avy tamin' fitoerany, avy tao an-tsahan' i Gibea. **34** Ary tonga tandrifin' i Gibea ny iray alin-dahy voafantina tamin' ny Isiraely rehetra, ary efa mafy ny ady nefa tsy fantatry ny Benjamita fa efa hiharan-doza izy. **35** Ary Jehovah namely ny Benjamita teo anoloan' ny Isiraely, ary tamin' izany andro izany ny taranak' i Benjamina dia nahafatesan' ny Zanak' Isiraely zato sy dimy arivo amby roa alin-dahy; nahatan-tsabatra avokoa ireo rehetra ireo. **36** Ary hitan' ny taranak' i Benjamina fa resy izy; ary ny lehilahy amin' ny Isiraely nanao tari-dositra tamin' ny Benjamita, satria natoky ny otrika izay efa napetrany teo akaikin' i Gibea izy. **37** Ary ny otrika niroatra faingana hankany Gibea, dia nandeha faingana ka namely ny tanàna rehetra tamin' ny lelan-tsabatra. **38** Ary ny famantarana nifaneken' ny lehilahy amin' ny Isiraely sy ny otrika dia tsangan' afo lehibe hisavoana ao an-tanàna. **39** Ary nirona tamin' ny ady ny lehilahy amin' ny Isiraely (ny taranak' i Benjamina nanomboka namely sy nahafaty ny

lehilahy amin' ny Isiraely tokony ho telo-polo lahy; fa hoy izy: Resy tokoa eo anoloantsika izy tahaka ny tamin' ny ady voalohany; **40** fa raha vao niakatra avy tao amin' ny tanàna ny setroka mitankosina, dia niherika ny taranak' i Benjamina; ary, indro, niakatra ho amin' ny lanitra avokoa ny setroky ny tanàna). **41** Ary raha niverina ny lehilahy amin' ny Isiraely, dia talanjona ny Benjamita, satria hitany fa efa nidiran-doza izy. **42** Dia niamboho teo anoloan' ny lehilahy amin' ny Isiraely hankany amin' ny lalana ho any an-efitra izy, fa ny ady nahatratra azy: ary izay nivoaka avy tao amin' ny tanàna koa dia novonoiny teo. **43** Nanemitra ny Benjamita izy ka nanenjika azy ary nanitsaka azy mora foana tandrifin' i Gibea atsinanany. **44** Ary ny Benjamita dia nahafatesany valo arivo sy iray alin-dahy; lehilahy nahery avokoa ireo rehetra ireo. **45** Dia nivily sy sisa ka nandositra nankany an-efitra ho any amin' ny harambato any Rimona; ary ny voatsimpona teny an-dalana dia dimy arivo lahy, ary ny voatsimpona teny an-dalana dia dimy arivo lahy, ary mbola nenjehiny mafy ihany hatrany Gidoma izy ka nahafatesany roa arivo lahy. **46** Ary ny Benjamita rehetra izay lavo tamin' izany andro izany dia dimy arivo sy roa alin-dahy nahatan-tsabatra; lehilahy nahery avokoa ireo rehetra ireo. **47** Fa nisy enin-jato lahy nihodina ka nandositra nankany an-efitra ho any amin' ny harambato any Rimona, dia nitoetra tao efa-bolana. **48** Ary ny lehilahy amin' ny Isiraely niverina indray tany amin' ny taranak' i Benjamina ka namely azy tamin' ny lelan-tsabatra, hatramin' ny olona tao an-tanàna ka hatramin' ny biby fiompy ary izay hitany dia nodorany tamin' ny afo avokoa.

21 Ary ny lehilahy amin' ny Isiraely efa nianiana tany Mizpa nanao hoe: Aoka tsy hisy amintsika hanome ny zananivavy ho vadin' ny Benjamita. **2** Dia nankany Betela ny olona ka nitoetra teo anatrehan' Andriamanitra mandra-paharivan' ny andro, dia nanandratra ny feony ka nitomany mafy dia mafy **3** nanao hoe: Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, nahoana no tonga tamin' ny Isiraely izao ankehitriny, ka fongotra ny firenena iray amin' ny Isiraely? **4** Ary nony ampitson' iny dia nifoha maraina koa ny olona ka nanorina alitara teo ary nanatitra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana. **5** Ary hoy ny Zanak' Isiraely: Iza amin' ny ferenen' Isiraely rehetra no tsy niakatra teo amin' ny fiangonana hanatona an' i Jehovah? fa efa nisy fianianana lehibe ny amin' izay tsy niakatra ho any amin' i Jehovah tany Mizpa hoe: Hatao maty tokoa izy. **6** Ary ny Zanak' Isiraely nanenina ny amin' i Benjamina rahalahiny ka nanao hoe: Misy firenena iray voafongotra eo amin' ny Isiraely ankehitriny. **7** Ahoana no hataontsika amin' ireo sisa hahazoany vady; fa isika efa nianiana tamin' i Jehovah tsy hanome vady azy amin' ny zanakavavintsika? **8** Dia hoy izy: Iza amin' ny firenen' Isiraely no tsy mba niakatra ho any amin' i Jehovah tany Mizpa? Ary, indro, tsy nisy olona avy tany Jebesi-gileada na dia iray akory aza nankany an-toby ho ao amin' ny fiangonana. **9** Fa rehefa voalamina ny olona, dia, indro, tsy nisy tao na dia iray akory aza avy tamin' ny tompon-tany tany Jabesi-gileada. **10** Dia naniraka lehilahy mahery roa arivo sy iray alin-dahy ny fiangonana ka nandidy azy hoe: Mandehana, ka mameleza ny mponina any Jabesi-gileada amin' ny lelan-tsabatra mbamin' ny zaza amim-behivavy. **11** Ary izao no hataonareo: Ny lehilahy rehetra sy ny vehivavy rehetra izay efa nahalala lahy dia haringanareo. **12** Ary nahita zazavavy virijina efa-jato tsy mbola nahalala lahy teo amin' ny mponina tany Jabesi-gileada izy ka nitondra ireo ho any an-toby tany Silo any amin' ny tany Kanana. **13** Ary ny fiangonana rehetra dia naniraka niteny tamin' ny taranak' i Benjamina, izay tao amin' ny harambato tao Rimona, ka niantso azy hihavana aminy. **14** Dia niverina tamin' izany andro izany ny Benjamita, ka nomeny azy ireo vehivavy efa novelominy tamin' ny vehivavy tao Jabesi-gileada ireo; kanjo mbola tsy nahenina azy ihany ireo. **15** Ary ny olona nanenina noho ny amin' i Benjamina, satria nisy nobangain' i Jehovah ny firenen' Isiraely. **16** Dia hoy ny loholon' ny fiangonana: Ahoana no hataontsika ho an' ireo sisa mba hahazoany vady, fa efa naringana ny vehivavy tamin' ny Benjamita? **17** Ary hoy izy: Tsy maintsy mahazo lova ny Benjamita izay afa-nandositra, mba tsy hisy firenena iray fongotra amin' ny Isiraely. **18** Nefa isika tsy mahazo manome azy ny zanakavavintsika ho vadiny, satria efa nianiana ny Zanak' Isiraely ka nanao hoe: Ho voaozona anie izay manome vady ho an' ny Benjamita. **19** Dia hoy izy: Indro, misy andro firavoravoana isan-taona ho an' i Jehovah any Silo, izay avaratr' i Betela, atsinanan' ny lalambe miakatra avy any Betela hankany Sekema, ary atsimon' i Lebona. **20** Ary nandidy ny taranak' i Benjamina izy ka nanao hoe: Mandehana, ka manotreha any amin' ny tanim-boaloboka, **21** ka jereo, ka raha, indreo, mivoaka handihy ny zazavavy avy any Silo, dia mivoaha avy ao amin' ny tanim-boaloboka ianareo, ary samia misambotra amin' ny zazavavy avy any Silo ho vadiny avy, ka mandehana any amin' ny tanin' ny Benjamina indray. **22** Ary raha mankany aminay hitaraina ny rainy na ny anadahiny, dia holazainay aminy hoe: Omeo anay ihany izy, fa izahay tsy mba nahazo vady tany amin' ilay ady teo; fa tsy ianareo no nanome azy; fa raha izany, dia meloka ihany ianareo. **23** Dia nanao izany ny taranak' i Benjamina ka samy naka vady araka ny isany tamin' ny mpandihy izay nosamboriny; dia nandeha izy ka niverina ho any amin' ny lovany ary namboatra ireo tanàna ireo ka nonina tao. **24** Dia samy nandeha niala teo ny Zanak' Isiraely tamin' izany andro izany, samy ho any amin' ny fireneny sy ny fokony avy; dia niala teo ho any amin' ny lovany avy ny olona rehetra. **25** Tsy nisy mpanjaka teo amin' ny Isiraely tamin' izany andro izany; fa samy nanao izay nataony ho marina avy izy rehetra.

Rota

1 Ary tamin' ny andro nitsaran' ny mpitsara dia nisy mosary teo amin' ny tany. Ary nisy lehilahy avy any Betlehema-joda nandeha nivahiny tany amin' ny tany Moaba, dia izy sy ny vadiny mbamin' ny zanany roa lahy; **2** Elimeleka no anaran-dralehilahy, ary Naomy no anaran' ny vadiny, ary ny anaran' ny zanany roa lahy dia Malona sy Kiliona, Efratita avy any Betlehema-joda izy ireo. Dia tonga tany amin' ny tany Moaba izy ka nitoetra tany. **3** Ary maty Elimeleka, vadin' i Naomy ka izy sy ny zanany roa lahy ihany no sisa. **4** Ary naka vady tamin' ny vehivavy Moabita izy roa lahy: Orpa no anaran' ny anankiray, ary Rota no anaran' ny anankiray; dia nitoetra tany Moaba tokony ho folo taona izy. **5** Ary maty koa izy mirahalahy, dia Malona sy Kiliona, ka dia namoy ny zanany roa lahy sy ny vadiny ravehivavy. **6** Dia niainga izy sy ny vinantoni-vavy ka nody avy tany amin' ny tany Moaba; fa efa reny tany amin' ny tany Moaba fa novangian' i Jehovah ny olony ka nomeny hanina. **7** Dia niala tamin' izay nitoerany izy, ary ny vinantony roa vavy niaraka taminy; ary nandeha teny an-dalana izy hiverina any amin' ny tanin' ny Joda. **8** Ary hoy Naomy tamin' ny vinantony roa vavy: Andeha, samy mody any amin' ny tranon-dreninareo avy ianareo; mba hohasoavin' i Jehovah anie ianareo araka izay efa nataonareo tamin' ny maty sy tamiko koa. **9** Homen' i Jehovah tokan-trano anie ianareo ka hahita fiadanana amin' izay tranon' ny vadinareo avy. Dia nanoroka azy Naomy; ary izy roa vavy dia samy nanandratra ny feony ka nitomany. **10** Dia hoy izy roa vavy taminy: Hiara-miverina aminao tokoa izahay ho any amin' ny firenenao. **11** Fa hoy Naomy: Miverena ihany ianareo, anaka; nahoana no hiara-mandeha amiko ianareo? Mbola misy zazalahy va ato an-kiboko mba ho vadinareo? **12** Miverena ihany ianareo, anaka, ka mandehana; fa efa antitra aho ka tsy hahazo vady intsony tsy akory. Raha hoy izaho: Manantena ihany aho, eny, na dia hanam-bady anio alina aza aho ka hiteraka zazalahy, **13** moa hahandry azy mandra-pahalehibeny va ianareo ka hijanona tsy hanam-bady? Tsia, anaka, fa mangidy lavitra ny nanjo ahy noho ny nanjo anareo; fa ny tànan' i Jehovah efa nahinjiny hamely ahy. **14** Dia samy nanandratra ny feony indray izy roa vavy ka nitomany; ary Orpa dia nanoroka ny rafozani-vavy, fa Rota kosa nifikitra taminy ihany. **15** Ary hoy izy: Indro ny rahavavinao lasa nody ho any amin' ny fireneny sy ny andriamaniny ka mba miverena ianao koa hanaraka ny rahavavinao. **16** Fa hoy Rota: Aza manery ahy handao anao sy hiala amin' ny fanarahana anao; fa izay alehanao no halehako ary izay itoeranao no hitoerako, ny firenenao no ho fireneko, ary ny Andriamanitrao no ho Andriamanitro; **17** izay tany hahafatesanao no hahafatesako, sady any koa no handevenana ahy; hataon' i Jehovah amiko anie izany, eny mihoatra noho izany aza, raha tsy ny fahafatesana ihany no hampisaraka antsika. **18** Ary rehefa hitany fa mbola mikikitra homba azy ihany Rota, dia nitsahatra tsy niteny taminy intsony izy. **19** Dia nandeha izy mianaka mandra-pahatongany tany Betlehema. Ary rehefa tonga tany Betlehema izy, dia taitra taminy ny tanàna rehetra, ka hoy ny vehivavy hoe: Naomy va re ity? **20** Fa hoy izy taminy: Aza atao hoe Naomy intsony aho, fa ataovy hoe Mara, satria mangidy indrindra ny nataon' ny Tsitoha amiko. **21** Nivoaka nanam-be aho, fa ampodin' i Jehovah tsy manana na inona na inona. Nahoana aho no ataonareo hoe Naomy, fa Jehovah efa nitsangan-ko fahavaloko, ary ny Tsitoha efa nampahory ahy? **22** Dia niverina Naomy, ary Rota, vehivavy Moabita, vinantoni-vavy, nomba azy tamin' izy niverina avy tany amin' ny tany Moaba; dia tonga tao Betlehema izy tamin' ny niandohan' ny taom-pijinjana ny vary hordea.

2 Ary nisy havan' ny vadin' i Naomy avy amin' ny fokon' i Elimeleka, lehilahy mpanjatobe, Boaza no anarany. **2** Ary hoy Rota, vehivavy Moabita, tamin' i Naomy: Aoka aho hankany an-tsaha mba hitsimpona salohim-bary eo aorian' izay hahitako fitia eo imasony. Dia hoy izy taminy: Andeha ary, anaka. **3** Dia lasa nandeha izy ka nitsimpona tany an-tsaha teo aorian' ny mpijinja; ary sendra tonga tany amin' ny tanimbarin' i Boaza, izay avy amin' ny fokon' i Elimeleka, izy. **4** Ary, indro, Boaza tonga avy tany Betlehema ka niteny tamin' ny mpijinja hoe: Jehovah anie ho aminareo. Dia hoy kosa Ireo taminy: Hitahy anao anie Jehovah. **5** Dia hoy Boaza tamin' ny zatovony, izay nitandrina ny mpijinja: Zanak' iza moa io zazavavy io? **6** Dia namaly ilay zatovo nitandrina ny mpijinja ka nanao hoe: Zazavavy Moabita, izay niverina nomba an' i Naomy avy tany amin' ny tany Moaba io; **7** fa hoy izy: Masìna ianao aoka aho hitsimpona sy hanangona eo aorian' ny mpijinja eny anelanelan' ny amboara; dia tonga izy ka nijanona teto hatramin' ny maraina ka mandraka ankehitriny; kely foana no nitoerany tao an-trano. **8** Dia hoy Boaza tamin' i Rota: Tsy mandre va ianao, anaka? Aza mandeha hitsimpona any an-tanimbary hafa na miala eto ianao, fa mitoera eto anilan' ny zatovovavy. **9** Aoka ny masonao ho amin' ny tanimbary izay jinjany, ka manaraha eo aoriany ianao: tsy efa nodidiako va ny zatovo tsy haninona anao? Ary raha mangetaheta ianao, mankanesa eroa amin' ny siny, ka misotroa amin' izay antsakain' ny zatovo. **10** Dia niondrika sy niankohoka tamin' ny tany Rota ka nanao taminy hoe: Ahoana no mba ahitako fitia eto imasonao sy itsinjovanao ahy, nefa vahiny ihany aho? **11** Dia namaly Boaza ka nanao taminy hoe: Efa reko tsara izay rehetra nataonao tamin' ny rafozanao-vavy hatrizay nahafatesan' ny vadinao sy ny nahafoizanao ny rainao sy ny reninao mbamin' ny tany nahaterahanao sy nankanesanao atỳ amin' ny firenena tsy mbola fantatrao. **12** Hamaly ny nataonao anie Jehovah, ka homen' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, valim-pitia lehibe anie ianao, satria avy hialoka eo ambanin' ny elany ianao. **13** Dia hoy Izy: Aoka hahita fitia eo imasonao aho, tompokolahy; fa efa nampifaly ahy ianao, ary efa niteny mora tamin' ny zatovovavinao, na dia tsy tahaka ny anankiray amin' ny zatovovavinao aza aho. **14** Ary rehefa tonga ny fotoam-pisakafoana, dia hoy Boaza taminy: Mankanesa atỳ, ka mihinàna mofo, ary atsobohy amin' ny vinaingitra ny sombi-mofonao. Dia nipetraka teo anilan' ny

mpijinja izy; ary nangalan-dralehilahy lango izy, dia nihinana ka voky, ary nisy sisa tsy laniny aza. **15** Ary raha nitsangana hitsimpona izy, dia nodidian' i Boaza ny ankizilahiny hoe: Aoka izy hitsimpona na dia eny anelanelan' ny amboara aza, ka aza maninona azy. **16** Ary asio latsadatsaka avy amin' ny amboara, ka avelao ireny hotsimponiny, fa aza raràna izy. **17** Ary nitsimpona tany an-tsaha mandra-paharivan' ny andro Rota, dia nively izay efa voatsimpony, ka nisy vary hordea tokony ho iray efaha. **18** Dia nentiny izany, ka nankany an-tanàna izy, ary hitan' ny rafozani-vavy izay efa voatsimpony; ary navoakany koa ilay sisa tsy laniny tamin' ny nisakafoany ka nomeny ny rafozany. **19** Dia hoy ny rafozanivavy taminy: Taiza no nitsimponanao androany, ary taiza no nanaovanao? Hotahina anie izay nitsinjo anao. Dia nambarany tamin' ny rafozani-vavy izay efa nitsimponany ka hoy izy: Boaza no anaran' ny lehilahy, izay tompon' ny tanimbary nitsimponako androany **20** Dia hoy Naomy tamin' ny vinantonivavy: Hotahin' i Jehovah anie izay tsy nitsahatra hanao soa amin' ny velona sy ny maty. Ary hoy koa Naomy taminy: Havantsika akaiky ihany ralehilahy, ka isan' izay mahavotra antsika izy. **21** Ary hoy Rota, vehivavy Moabita: Izao koa no nataony tamiko: Mitoera tsara eo anilan' ny zatovoko ianao mandra-pahatapitry ny fijinjana. **22** Ary hoy Naomy tamin' i Rota vinantoni-vavy: Tsara izany, anaka, raha miara-mivoaka amin' ny ankizivavy ianao, fandrao hisy haninona anao raha any an-tsaha hafa. **23** Ary izy tsy nety nisaraka tamin' ny zatovovavin' i Boaza, fa nitsimpona mandra-pahatapitry ny fijinjana ny vary hordea sy ny vary tritika; ary nitoetra tao amin' ny rafozani-vavy Izy.

3 Dia hoy Naomy rafozani-vavy taminy: Tsy hitady izay tokan-trano hahitanao fiadanana va aho, anaka, mba hahasoa anao? **2** Ary ankehitriny tsy isan' ny havantsika va Boaza, tompon' ny ankizivavy izay niarahanao? Indro, mikororoka vary hordea eo am-pamoloana izy anio alina. **3** Koa mandroa sy mihosora diloilo ary miakanjoa, dia midìna any am-pamoloana; nefa aza atao fanta-dralehilahy akory ianao, raha tsy efa avy nihinana sy nisotro izy. **4** Ary rehefa mandry izy, dia fantaro izay andriany, ary midìra, ka songay ny lamba eo an-tongony, dia mandria eo ianao; ary holazainy aminao izay hataonao. **5** Dia hoy izy taminy: Eny, fa hataoko izay rehetra lazainao amiko. **6** Dia nidina tany am-pamoloana izy ka nanao araka izay rehetra nandidian' ny rafozani-vavy azy. **7** Ary rehefa avy nihinana sy nisotro Boaza, ka faly ny fony, dia nandeha handry teo amin' ny faran' ny antontam-bary izy; fa nandeha nitsaitsaika kosa Rota, dia nanonga ny lamba teo an-tongony ka nandry teo. **8** Ary nony namatonalina, dia taitra ralehilahy ka niarina hitsapa, ary, indro, nisy vehivavy nandry teo an-tongony. **9** Dia hoy izy: Iza moa izato? Ary hoy kosa ravehivavy: Rota zatovovavinao aho; mba rakofy ny lambanao ny zatovovavinao, fa havana mahavotra ianao. **10** Dia hoy izy: Hotahin' i Jehovah anie ianao, anaka; efa nanao soa be lavitra tamin' ny ato aoriana ianao noho ny tamin' ny voalohany, noho ny tsy nanarahanao ny zatovo, na ny malahelo, na ny manan-karena. **11** Koa ankehitriny anaka, aza matahotra; hataoko aminao izay rehetra angatahinao; fa fantatr' izay rehetra ao an-tanànan' ny fireneko fa vehivavy tsara ianao. **12** Ary ankehitriny marina izany, fa havana mahavotra aho; nefa misy havana mahavotra akaiky kokoa noho izaho. **13** Mitoera ihany atỳ anio alina, ary rehefa maraina, raha hitondra loloha anao izy, dia tsara izany, aoka izy no hitondra loloha anao; fa raha tàhiny kosa tsy hanao izany izy, dia ho entiko loloha ihany ianao, raha velona koa Jehovah, mitoera ihany atỳ mandra-pahamarain' ny andro. **14** Dia nandry teo an-tongony mandra-pahamarain' ny andro Rota, ary nifoha, raha mbola maizimaizina, ilay mbola tsy ahitana tarehy iny. Fa hoy ralehilahy: Aza avela ho fantatr' olona fa tatỳ am-pamoloana ravehivavy. **15** Dia hoy koa izy: Ento etỳ ny lamba itafianao, ka hazòny izy. Ary rehefa nataony izany, dia namatra vary hordea inenin' ny famarana Boaza, ka nampitondrainy azy izany. Dia lasa nankany an-tanàna Boaza. **16** Ary rehefa tonga tany amin' ny rafozani-vavy Rota, dia hoy Naomy: Nanao ahoana izay tany, anaka? Dia nambarany azy izay rehetra nataon-dralehilahy taminy. **17** Ary hoy koa izy: Ireto vary hordea inenin' ny famarana ireto dia nomeny ahy; fa hoy izy tamiko: Aza mandeha tsy mitondra zavatra ho any amin' ny rafozanao-vavy. **18** Dia hoy izy: Mitoera ihany, anaka, mandra-pahafantatrao izay hiantefan' ny raharaha; fa tsy hijanona ralehilahy, fa hovitainy anio ihany ny raharaha.

4 Ary rehefa tafakatra teo am-bavahady Boaza ka nipetraka teo, dia, indro, nandalo ilay havana mahavotra voalazany, dia hoy Boaza: Ranona iry ô! maitia kely ange; mipetraha eto. Dia nanatona izy ka nipetraka. **2** Dia naka folo lahy tamin' ny loholona tao an-tanàna Boaza ka nanao hoe: Mipetraha eto ianareo. Dia nipetraka ireo. **3** Dia niteny tamin' Ilay havana akaiky izy ka nanao hoe: Naomy, izay niverina avy tany amin' ny tany Moaba, dia mivarotra ny tany izay an' i Elimeleka rahalahintsika. **4** Ary izaho nikasa hampandre anao hoe: Vidio eto anatrehan' izay mipetraka eto sy eto anatrehan' ny loholona amin' ny fireneko izany. Raha hanavotra ianao, dia avoty; fa raha tàhiny tsy hanavotra ianao, dia lazao amiko mba ho fantatro; fa tsy misy tokony hanavotra afa-tsy ianao, ary izaho no manarakaraka anao. Ary hoy izy: Hanavotra ihany aho. **5** Dia hoy Boaza: Amin' izay andro ividiananao ny tany amin' ny tànan' i Naomy, dia amin' i Rota koa, vehivavy Moabita, vadin' ny maty, no hividiananao azy, mba hamelo-maso ny anaran' ny maty ao amin' ny lovany ianao. **6** Fa hoy ilay havana mahavotra: Tsia, tsy mahazo manavotra ho an' ny tenako aho, fandrao mahasimba ny lovako; avoty ihany ho anao ny ahy, fa tsy mahavotra aho. **7** Ary ny amin' ny fanavotana sy ny fanakalozana teo amin' ny Isiraely fahiny hahamafy ny teny rehetra dia izao: nesorin' ny lehilahy ny kirarony ka nomeny ho an' ny namany; dia vavolombelona teo amin' ny Isiraely izany. **8** Ary hoy ilay havana mahavotra tamin' i Boaza: Vidio ho anao izany. Dia nanaisotra ny kirarony izy. **9** Ary hoy Boaza tamin' ny loholona sy ny vahoaka rehetra: Hianareo no vavolombelona androany fa efa novidiko tamin' ny tànan' i Naomy izay rehetra an' i Elimeleka sy izay rehetra an' i

Kiliona sy Malona. **10** Ary Rota koa, vehivavy Moabita, vadin' i Malona, dia lasako ho vadiko hamelo-maso ny anaran' ny maty ao amin' ny lovany, mba tsy ho faty maso ny anaran' ny maty eo amin' ny rahalahiny sy eo amin' ny vavahadin' ny fonenany; ianareo no vavolombelona androany. **11** Dia hoy ny vahoaka rehetra izay teo amin' ny vavahady sy ny loholona: Eny, vavolombelona izahay; hataon' i Jehovah tahaka an' i Rahely sy tahaka an' i Lea anie izay vehivavy efa ho tonga ao an-tranonao; fa izy roa vavy no nanangana ny tranon' ny Isiraely; ary aoka ho lehibe any Efrata anie ianao, ary halaza any Betlehema anie ny anaranao; **12** ary ho tahaka ny taranak' i Fareza, izay naterak' i Tamara tamin' i Joda, anie ny taranakao avy amin' ny zanaka izay homen' i Jehovah anao amin' ity vehivavy ity. **13** Ary Boaza dia nampakatra an' i Rota ka nanambady azy; ary Jehovah nampanan' anaka azy, ka niteraka zazalahy izy. **14** Ary hoy ireo vehivavy tamin' i Naomy: Isaorana anie Jehovah, Izay tsy namela anao androany tsy hanan-kavana mahavotra, ary aoka halaza ny anarany eo amin' ny Isiraely. **15** Dia hamelona ny ainao sy hitaiza anao izy, rehefa antitra ianao; fa niteraka azy ny vinantonaovavy, izay tia anao, ilay tsara lavitra aminao mihoatra noho ny zanaka fito lahy. **16** Dia nandray ny zaza Naomy ka nitrotro azy, dia tonga mpitaiza azy. **17** Ary ny vehivavy namany nifidy ny anarany ka nanao hoe: Misy zazalahy teraka ho an' i Naomy; ary ny anarany nataony hoe Obeda; izy no rain' i Jese, rain' i Davida. **18** Ary izao no taranak' i Fareza: Fareza niteraka an' i Hezrona; **19** ary Hezrona niteraka an' i Rama; ary Rama niteraka an' i Aminadaba; **20** ary Aminadaba niteraka an' i Nasona; ary Nasona niteraka an' i Salmona; **21** ary Salmona niteraka an' i Boaza; ary Boaza niteraka an' i Obeda; **22** ary Obeda niteraka an' i Jese; ary Jese niteraka an' i Davida.

1 Samoela

1 Ary nisy lehilahy Efraimita anankiray tany Ramataimazofima any amin' ny tany havoan' i Efraima, Elkana no anarany zanak' i Jerohama, zanak' i Eliho, zanak' i Toho, zanak' i Zofa. **2** Ary namporafy izy, Hana no anaran' ny vadiny anankiray, ary Penina no anaran' ny anankiray; ary Penina nanan-janaka, fa Hana kosa tsy mba nanana. **3** Ary ralehilahy niakatra isan-taona niala tamin' ny tanànany hivavaka sy hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah, Tompon' ny maro, tao Silo. Ary tao izy mirahalahy, zanak' i Ely, dia Hofinia sy Finehasa, mpisoron' i Jehovah. **4** Ary tamin' ny andro namonoan' i Elkana zavatra hatao fanatitra dia samy nomeny anjara iray avy Penina vadiny sy ny zananilahy ary ny zananivavy rehetra. **5** Fa Hana kosa nomeny anjaran-droa, satria izy no tiany, nefa nataon' i Jehovah momba. **6** Ary ny rafiny dia nanorisory azy mba hampalahelo azy mafy noho ny nanaovan' i Jehovah azy momba. **7** Ary izany no fanaon' i Elkana isan-taona, raha niakatra ho any an-tranon' i Jehovah Hana, ary izany koa no nanorisoren' ny rafiny azy, koa nitomany izy sady tsy nety nihinan-kanina. **8** Fa Elkana vadiny nanao taminy hoe: Ry Hana, nahoana no mitomany ianao? ary nahoana no tsy mety mihinan-kanina ianao? ary nahoana no malahelo fo ianao? Tsy tsara lavitra aminao mihoatra noho ny zanaka folo mirahalahy va aho? **9** Ary rehefa nihinana sy nisotro tao Silo izy, dia nitsangana Hana. Ary Ely mpisorona nipetraka tamin' ny sezany teo anilan' ny tolam-baravaran' ny tempolin' i Jehovah. **10** Ary Hana dia nalahelo fanahy indrindra, ka nivavaka tamin' i Jehovah izy sady nitomany dia nitomany. **11** Ary nivoady izy ka nanao hoe: Jehovah, Tompon' ny maro, raha mba hitsinjo tokoa ny alahelon' ny ankizivavinao Hianao ka hahatsiaro ahy ary tsy hanadino ny ankizivavinao, fa hanome ahy zazalahy, dia homeko ho an' i Jehovah kosa izy amin' ny andro rehetra hiainany, ka tsy hokasihin-kareza ny lohany. **12** Ary raha mbola naharitra nivavaka teo anatrehan' i Jehovah izy, dia nodinihin' i Ely ny vavany. **13** Fa niteny anakampo Hana, ka ny molony ihany no nihetsiketsika, fa ny feony tsy re akory; ka dia nataon' i Ely fa mamo izy. **14** Dia hoy Ely taminy: Mandrapahoviana no ho mamo ianao? Esory aminao ny divainao. **15** Dia namaly Hana ka nanao hoe: Tsia, tompoko; vehivavy malahelo fanahy aho, fa tsy nisotro divay na toaka tsy akory, fa mamoaka ny ato am-poko eto anatrehan' i Jehovah aho. **16** Aza mba atao ho vehivavy tena ratsy fanahy ny ankizivavinao; fa ny haben' ny fahoriako sy ny alaheloko no nitenenako mandraka ankehitriny. **17** Dia namaly Ely ka nanao hoe: Mandehana soa aman-tsara; ary homen' Andriamanitry ny Isiraely anao anie izay nangatahinao taminy. **18** Ary hoy izy: Aoka hahita fitia eo imasonao ny ankizivavinao. Dia lasa nandeha ravehivavy, ary nihinana izy ka tsy nalahelo tarehy intsony. **19** Ary nifoha maraina koa izy ireo ka nivavaka teo anatrehan' i Jehovah, dia lasa nody ka tonga tao an-tranony tany Rama; ary Elkana nahalala an' i Hana vadiny, ary Jehovah nahatsiaro azy. **20** Ary tamin' ny fahatanterahan' ny andro dia nanan' anaka Hana ka niteradahy, ary ny anarany nataony hoe Samoela, fa hoy izy: Tamin' i Jehovah no nangatahako azy. **21** Ary ralehilahy Elkana sy ny ankohonany rehetra niakatra hamono zavatra mba hanaterany ny fanatitra fanao isan-taona ho an' i Jehovah sy ny fanalam-boadiny. **22** Fa Hana kosa tsy mba niakatra; fa hoy izy tamin' ny vadiny: Aoka aloha mandrapanoty ny zaza, fa amin' izay aho vao hitondra azy hiseho eo anatrehan' i Jehovah, ka hitoetra ao mandrakizay izy. **23** Ary hoy Elkana vadiny taminy: Ataovy ary izay tianao; mitoera ihany mandra-panotinao azy; ary hefain' i Jehovah anie ny teniny. Dia nitoetra ravehivavy ka nampinono ny zanany mandra-panotiny azy. **24** Ary nony efa maoty ny zaza, vao nentiny niakatra niaraka taminy izy mbamin' ny vantotr' ombilahy telo sy koba iray efaha ary divay iray tavoara, ka nentiny ho ao an-tranon' i Jehovah tao Silo izy; ary mbola kely ny zaza. **25** Dia novonoiny ny vantotr' ombilahy iray, ary nentiny ho ao amin' i Ely ny zaza. **26** Ary hoy Hana: Tompoko ô, raha velona koa ny ainao, tompoko, izaho ilay vehivavy nitsangana teto anilanao ka nivavaka tamin' i Jehovah. **27** Ny hahazoako ity zazalahy ity no nivavahako; dia nomen' i Jehovah ahy izay nangatahiko taminy. **28** Koa atolotro ho an' i Jehovah kosa izy: eny, amin' ny andro rehetra hiainany dia voatolotra ho an' i Jehovah izy. Dia nivavaka tamin' i Jehovah izy.

2 Ary Hana nivavaka ka nanao hoe: Ny foko ravoravo amin' i Jehovah, Ny tandroko voasandratra amin' i Jehovah; ny vavako misokatra hamaly ny fahavaloko; fa mifaly amin' ny famonjenao aho. **2** Tsy misy masìna tahaka an' i Jehovah, fa tsy misy afa-tsy Hianao; ary tsy misy vatolampy tahaka an' Andriamanitsika. **3** Aza dia mahery miteny avonavona; ary aoka tsy haloaky ny vavanareo ny fireharehana. Fa Jehovah no Andriamanitry ny fahalalana, ary Izy no mandanja ny asa. **4** Tapaka ny tsipìkan' ny olo-mahery, ary izay mila ho reraka dia sikinana hery. **5** Mikarama mofo ny voky, ary mianina kosa ny noana; ny momba miteraka fito, ary mihamalemy kosa ny maro anaka. **6** Jehovah no mahafaty sy mahavelona; izy no mampidina ho any amin' ny fiainan-tsi-hita ary mampitsangana. **(Sheol h7585)** **7** Jehovah no mampalahelo sy mampanan-karena; izy no mampietry sy mampisandratra. **8** Izy no manangana ny malahelo ho afaka amin' ny vovoka, ary manandratra ny mahantra hiala eo amin' ny zezika, mba hampiara-mitoetra azy eo amin' ny mpanapaka ka hampandova azy ny sezamboninahitra; fa an' i Jehovah ny andrin' ny tany, ary izany no ametrahany izao tontolo izao. **9** Ny tongotry ny olo-masiny dia tandremany, fa ny ratsy fanahy kosa hampangininy any amin' ny maizina; fa tsy amin' ny hery no handresen' ny olona. **10** Ho torotoro izay miady amin' i Jehovah; any an-danitra Izy no hampikotrokorana hamely azy. Jehovah hitsara ny vazan-tany, ary Izy hanome hery ny mpanjakany sy hanandratra ny tandroky ny voahosony. **11** Ary Elkana nankany an-tranony tany Rama; fa ny zaza kosa nanao fanompoam-pivavahana tamin' i Jehovah teo anatrehan' i Ely mpisorona. **12** Ary ny zanakalahin' i Ely dia tena ratsy fanahy, tsy nahalala an' i Jehovah. **13** Ary izao no fanaon'

ny mpisorona tamin' ny olona: Raha nisy olona namono zavatra hatao fanatitra, dia avy ny zatovon' ny mpisorona nitondra fitrebika telo rantsana teny an-tànany, raha mbola nahandroina ny hena, **14** dia natsindrony tao anatin' ny fanendasana ny fitrebika, na tao anatin' ny fahandroan-kena, na ny vilany, na ny vilanibe, ka izay rehetra azon' ny fitrebika tao dia nalain' ny mpisorona ho azy. Ary izany no fanaony tao Silo tamin' ny Isiraely rehetra izay tonga tao. **15** Ary raha tsy mbola nodorany ho fofona ny sabora, dia avy ny zatovon' ny mpisorona ka nanao tamin' izay lehilahy namono zavatra hatao fanatitra hoe: Omeo hena hatsatsika ho an' ny mpisorona; fa tsy haka hena masaka aminao izy, fa ny manta ihany. **16** Ary raha nisy olona nanao taminy hoe: Hodorana aloha ny sabora, dia amin' izay vao halainao izay sitraky ny fonao, dia novaliany hoe: Tsia; fa omeo ankehitriny izao ihany; fa raha tsy izany, dia halaiko an-keriny. **17** Ka dia lehibe indrindra ny helok' ireo zatovo ireo teo anatrehan' i Jehovah, satria halan' ny olona ny fanatitra ho an' i Jehovah. **18** Fa Samoela nanao fanompoam-pivavahana teo anatrehan' i Jehovah raha mbola zaza, ary nisalotra efoda rongony fotsy izy. **19** Ary nanaovan-dreniny akanjo kely izy, ka nentiny ho azy isan-taona isan-taona izany, raha niara-ran' ny mpisorona avy amin' ny olona. Koa raha niakatra tamin' ny vadiny hanatitra ny fanatitra fanao isan-taona izy. **20** Ary Ely nitso-drano an' i Elkana mivady ka nanao hoe: Homen' i Jehovah zaza amin' ity vehivavy ity anie ianao ho solon' ilay voatolotra ho an' i Jehovah. Dia lasa nody izy mivady. **21** Ary Jehovah namangy an' i Hana, ka dia nanan' anaka koa izy ary niteraka lahy telo sy vavy roa. Ary Samoela zaza nitombo teo anatrehan' i Jehovah. **22** Ary efa antitra indrindra Ely, ary izy nandre izay rehetra nataon' ny zananilahy tamin' ny Isiraely rehetra sy ny nandriany tamin' ireo vehivavy izay nanompo teo amin' ny varavaran' ny trano-lay fihaonana. **23** Dia hoy izy taminy: Nahoana ianareo no manao izany zavatra izany? fa reko amin' izao olona rehetra izao ny ratsy ataonareo. **24** Tsia anaka, fa tsy tsara ny teny reko; fa mampanota ny olon' i Jehovah ianareo. **25** Raha misy olona manota amin' olona, dia ny mpitsara no hitsara azy; fa raha misy manota amin' i Jehovah kosa, iza no hifona ho azy? Nefa tsy nihaino ny tenin-drainy izy ireo, satria sitrak' i Jehovah ny hahafaty azy. **26** Ary Samoela zaza nitombo, sady tian' i Jehovah sy ny olona koa izy. **27** Ary nisy lehilahin' Andriamanitra nankany amin' i Ely ka nanao taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Tsy efa niseho tokoa tamin' ny ankohonan-drainao va Aho, raha mbola tany Egypta tao an-tranon' i Farao izy? **28** Eny, nofidiko tamin' ny firenen' Isiraely rehetra ho mpisoroko izy mba hanatitra fanatitra eo ambonin' ny alitarako sy handoro ditin-kazo manitra ary hisalotra efoda eo anatrehako, ary nomeko ho an' ny tarana-drainao ny fanatitra rehetra ataon' ny Zanak' Isiraely amin' ny afo. **29** Nahoana no hitsahinareo ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hohanina izay aterina ho Ahy, dia ilay nasaiko hatao ao amin' ny fonenako, ka ny zanakao no omenao voninahitra mihoatra noho Izaho, mba hanatavy anareo amin' izay tsara indrindra amin' ny fanatitra rehetra aterin' ny Isiraely oloko? **30** Koa izany no anaovan' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, hoe: Efa voalazako tokoa fa ny taranakao sy ny tarana-drainao no handeha eo anatrehako mandrakizay; fa ankehitriny kosa, hoy Jehovah, sanatria Ahy izany; fa izay manome voninahitra Ahy no homeko voninahitra, ary izay manamavo Ahy no ho afa-baraka. **31** Indro, avy ny andro izay hanapahako ny sandrinao sy ny sandrin' ny tarana-drainao, ka tsy hisy lehilahy ho tratrantitra amin' ny taranakao. **32** Ary hahita ny manjo ny fonenako ianao na inona na inona soa omena ho an' ny Isiraely, ka tsy hisy lehilahy ho tratrantitra amin' ny taranakao mandrakizay. **33** Nefa tsy dia hofongorako avokoa tsy ho eo anilan' ny alitarako izy, mba hahapahina ny masonao sy hampalahelo ny fonao; ary ny taranakao rehetra dia ho faty raha vao herotrerony. **34** Ary izao no ho famantarana ho anao, izay hanjo ny zanakao roa lahy, dia Hofinia sy Finehasa: ho indray andro maty izy mirahalahy. **35** Ary Izaho hanangana mpisorona mahatoky ho Ahy, izay hanao araka ny ato am-poko sy ato an-tsaiko; ary Izaho hampaharitra ny taranany, ka handeha eo anatrehan' ny voahosotro mandrakizay izy. **36** Ary ho avy izay sisa rehetra amin' ny taranakao ka hiankohoka eo anatrehany hangataka vola kely sy mofo iray ka hanao hoe: Masìna ianao, mba tendreo ho isan' ny mpisorona aho, mba hahazoako sombi-mofo hohanina.

3 Ary Samoela zaza nanao fanompoam-pivavahana tamin' i Jehovah teo anatrehan' i Ely. Ary tamin' izany andro izany efa nahàlana ny tenin' i Jehovah: tsy nisy fahitana niseho loatra. **2** Ary tamin' izany andro izany, raha nandry tao amin' ny fandriany Ely (efa pahina ny masony, ka tsy nahita izy), **3** sady tsy mbola maty ny jiron' Andriamanitra, ary Samoela efa nandry tao amin' ny tempolin' i Jehovah, izay nisy ny fiaran' Andriamanitra, **4** dia niantso an' i Samoela Jehovah, ary izy namaly hoe: Inty aho. **5** Dia nihazakazaka nankeo amin' i Ely izy ka nanao hoe: Inty aho, fa niantso ahy ianao. Fa hoy Ely: Tsy niantso aho, andeha mandry ihany. Dia lasa nandry izy. **6** Ary Jehovah niantso azy indray hoe: Ry Samoela! Dia nifoha Samoela ka nankao amin' i Ely ary nanao hoe: Inty aho, fa niantso ahy ianao. Fa hoy izy: Tsy niantso aho, anaka; andeha mandry ihany. **7** Ary Samoela tsy mbola nahalala an' i Jehovah, sady tsy mbola nanehoana ny tenin' i Jehovah izy. **8** Ary Jehovah niantso an' i Samoela indray fanintelony. Dia nifoha izy ka nankao amin' i Ely ary nanao hoe: Inty aho, fa niantso ahy ianao. Dia fantatr' i Ely fa Jehovah no niantso ny zaza. **9** Ary hoy Ely tamin' i Samoela: Andeha mandry ihany; ary raha tàhiny miantso anao Izy, dia valio hoe: Mitenena, Jehovah ô; fa mihaino ny mpanomponao. Dia lasa Samoela nandry tao amin' ny fandriany. **10** Ary avy Jehovah, dia nitsangana ka niantso toy ny teo ihany hoe: Ry Samoela, ry Samoela ô! Dia namaly Samoela hoe: Mitenena, fa mihaino ny mpanomponao. **11** Ary hoy Jehovah tamin' i Samoela: Indro, Izaho hanao zavatra eo amin' ny Isiraely, ka izay rehetra mandre izany, dia hangintsingintsina ny sofiny roa. **12** Amin' izany andro izany dia hotanterahiko amin' i Ely izay zavatra rehetra voalazako ny amin' ny taranany: hatomboko izany, ka dia hotanterahiko. **13** Fa efa nambarako taminy fa hotsaraiko mandrakizay ny taranany

noho ny heloka izay fantany, satria ny zanany nahatonga ozona ho an' ny tenany, nefa tsy nosakanany. **14** Koa izany no nianianako ny amin' ny taranak' i Ely fa tsy hisy fanatitra hahafaka ny helony mandrakizay. **15** Ary nandry Samoela mandra-pahamarain' ny andro, dia namoha ny varavaran' ny tranon' i Jehovah izy. Ary Samoela natahotra hilaza ny fahitana tamin' i Ely. **16** Fa Ely niantso an' i Samoela ka nanao hoe: Ry Samoela, zanako! Dia hoy izy: Inty aho. **17** Ary hoy izy: Inona no zavatra nolazain' i Jehovah taminao? masìna ianao, aza afeninao ahy; hataon' Andriamanitra aminao anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha nisy afeninao ahy ny zavatra rehetra nolazainy taminao. **18** Dia nambaran' i Samoela azy avokoa ny zavatra rehetra, ka tsy nisy nafeniny azy. Dia hoy Ely: Izy no Jehovah, aoka Izy hanao izay sitraky ny fony. **19** Ary nitombo Samoela, sady nomba azy Jehovah, ka tsy nisy navelany ho raraka antany ny teniny. **20** Ary ny Isiraely rehetra hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba nahalala fa efa mpaminanin' i Jehovah tokoa Samoela. **21** Dia niseho tao Silo indray Jehovah; fa niseho tamin' i Samoela tao Silo Jehovah tamin' ny teniny.

4 Ary tonga tany amin' ny Isiraely rehetra ny tenin' i Samoela. Dia nandeha ny Isiraely hiady tamin' ny Filistina ka nitoby teo anilan' i Ebenezera; ary ny Filistina kosa nitoby tany Afeka. **2** Dia nilahatra ny Filistina hiady amin' ny Isiraely; ary rehefa raikitra ny ady, dia resin' ny Filistina ny Isiraely, ka nahafatesany tokony ho efatra arivo lahy ny miaramila nilahatra tany an-tsaha. **3** Ary rehefa tonga tany an-toby ny olona, dia hoy ny loholon' ny Isiraely: Nahoana no, namely antsika teo anoloan' ny Filistina Jehovah androany? Andeha halaintsika avy any Silo ho eto amintsika ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, ka raha tonga eto amintsika izany, dia hamonjy antsika amin' ny tanan' ny fahavalontsika. **4** Dia naniraka nankany Silo ny olona haka ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, Tompon' ny maro, Izay mipetraka amin' ny kerobima; ary tao Silo, teo amin' ny fiaran' ny faneken' Andriamanitra, izy mirahalahy zanak' i Ely, dia Hofinia sy Finehasa. **5** Ary rehefa tonga teo an-toby ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, dia nihoby mafy ny Zanak' Isiraely rehetra, ka dia nanako ny tany. **6** Ary rehefa ren' ny Filistina ny hoby, dia hoy izy; Inona re izany hoby mafy any an-tobin' ny Hebreo izany? Ary fantany fa tonga ao an-toby ny fiaran' i Jehovah. **7** Dia raiki-tahotra ny Filistina ka nanao hoe: Andriamanitra no tonga ao an-toby. Ary hoy koa izy: Mahita loza isika! fa tsy mbola nisy toy izao. **8** Mahita loza isika! Iza no hamonjy antsika amin' ny tànan' ireo andriamanitra mahery ireo? Ireo no andriamanitra izay namely ny Egyptiana tamin' ny kapoka rehetra tany an-efitra. **9** Mahereza, ary aoka hitomban-dahy ianareo, ry Filistina, fandrao hanompo ny Hebreo ianareo tahaka ny nanompoany anareo; misehoa ho lehilahy ianareo, ka miadia. **10** Ary niady ny Filistina, dia resy ny Isiraely, ka samy nandositra ho any an-dainy avy izy rehetra, ary be dia be no maty, dia lehilahy telo alina mandeha an-tongotra tamin' ny Isiraely no niampatrampatra. **11** Dia lasan-ko babo ny fiaran' Andriamanitra, ary maty izy mirahalahy zanak' i Ely, dia Hofinia sy Finehasa. **12** Ary nisy lehilahy Benjamita anankiray nihazakazaka avy tany tamin' ny miaramila ka tonga tao Silo androtrizay ihany, ary triatra ny akanjony, sady nihosin-tany ny lohany. **13** Ary raha tonga izy, indro, Ely nipetraka teo amin' ny sezany ka nitazana teo amoron-dalana, fa niemponempona ny fony noho ny fiaran' Andriamanitra. Ary nony tonga tao an-tanàna ralehilahy ka nilaza, dia nidradradradra ny tao an-tanàna rehetra. **14** Ary rehefa ren' i Ely ny feo midradradradra, dia hoy izy: Inona izao feo mitabataba izao? Ary ilay lehilahy nanatona faingana ka nilaza tamin' i Ely. **15** Ary efa valo amby sivifolo taona Ely tamin' izay, sady efa pahina ny masony, ka tsy nahita izy. **16** Ary hoy ilay lehilahy tamin' i Ely: Izaho ilay avy tany an-tafika, ary androany ihany no nandosirako niala tamin' ny miaramila. Ary hoy izy: Nanao ahoana izay tany, anaka? **17** Dia namaly ilay nitondra teny ka nanao hoe: Nandositra teo anoloan' ny Filistina ny Isiraely, ka be dia be no maty, ary izy mirahalahy zanakao, Hofinia sy Finehasa, mba maty koa, sady lasan-ko babo ny fiaran' Andriamanitra. **18** Ary nony nilaza ny amin' ny fiaran' Andriamanitra izy, dia lavo nitsilany niala tamin' ny sezany teo anilan' ny vavahady Ely, ka folaka ny vozony, dia maty izy, satria efa antitra sady mavesatra. Ary efa nitsara ny Isiraely efapolo taona izy. **19** Ary ny vinantoni-vavy, vadin' i Finehasa, nanan' anaka ka efa ho teraka; koa nony reny fa lasan-ko babo ny fiaran' Andriamanitra, sady maty avokoa ny rafozany sy ny vadiny, dia nitanondrika izy ka narary nihetsi-jaza, fa efa ho teraka. **20** Ary rehefa nadiva hiala aina izy, dia niteny ireo vehivavy nitsangana teo anilany ka nanao taminy hoe: Aza matahotra, fa velon-dahy ianao. Fa tsy namaly na nihaino izany izy. **21** Dia nataony hoe Ikaboda ny anaran' ny zaza; fa hoy izy: Afaka ny voninahitry ny Isiraely, satria efa lasan-ko babo ny fiaran' Andriamanitra, sady efa maty koa ny rafozany sy ny vadiny. **22** Ary hoy izy: Afaka tamin' ny Isiraely ny voninahitra, fa lasan-ko babo ny fiaran' Andriamanitra.

5 Dia nalain' ny Filistina ny fiaran' Andriamanitra ka nentiny niala tany Ebenezera ho any Asdoda. **2** Ary nony efa azon' ny Filistina ny fiaran' Andriamanitra, dia nentiny tao an-tranon' i Dagona izy ka napetrany teo anilany. **3** Ary nony ampitson' iny dia nifoha maraina koa ny Asdodita, ka indro Dagona potraka niankohoka tamin' ny tany teo anoloan' ny fiaran' i Jehovah; dia narenin' ny olona izy ka napetrany teo amin' ny fitoerany indray. **4** Ary nony ampitson' iny indray dia nifoha maraina koa ny olona, ka indro Dagona potraka niankohoka indray tamin' ny tany teo anoloan' ny fiaran' i Jehovah, ary tapaka teo amin' ny tokonam-baravarana ny lohan' i Dagona sy ny felatanany roa; fa ny tenabeny ihany no sisa **5** (izany no tsy anitsahan' ny mpisoron' i Dagona, na izay miditra ao an-tranony, ny tokonam-baravaran' i Dagona ao Asdoda mandraka androany). **6** Ary navesatra tamin' ny Asdodita ny tànan' i Jehovah, fa nandringana azy Izy; ary nasiany vay ny tao Asdoda sy ny tamin' ny fari-taniny rehetra. **7** Ary rehefa hitan' ny mponina tao Asdoda fa nisy izany, dia hoy izy: Aza avela hitoetra eto amintsika ny fiaran' ny Andriamanitry ny Isiraely; fa mavesatra amintsika sy amin' i

Dagona andriamanitsika ny tànany. **8** Dia naniraka olona izy ka nanangona ireo andriana rehetra tamin' ny Filistina hankeo aminy ka nanao hoe: Hataontsika ahoana ny fiaran' ny Andriamanitry ny Isiraely? Dia hoy ireo: Aoka hafindra hankany Gata ny fiaran' ny Andriamanitry ny Isiraely. Dia nafindrany ny fiaran' ny Andriamanitry ny Isiraely. **9** Ary rehefa voafindrany ny fiara, dia namely ny tanàna ny tànan' i Jehovah ka nampangorohoro azy indrindra, fa Izy namely ny mponina tao an-tanàna, na kely na lehibe, ka nisy vay nipoipoitra taminy. **10** Ary dia naterin' ny olona nankany Ekrona ny fiaran' Andriamanitra. Ary raha vao tonga tany Ekrona ny fiaran' Andriamanitra, dia nitaraina ny Ekronita nanao hoe: Efa nafindran' ny olona ho atỳ amintsika ny fiaran' ny Andriamanitry ny Isiraely hahafaty antsika sy ny firenentsika. **11** Dia naniraka olona izy ka nanangona ireo andriana rehetra tamin' ny Filistina ka nanao hoe: Ampandehano ny fiaran' ny Andriamanitry ny Isiraely, ary aoka ho entina ho any amin' ny fitoerany ihany indray izy mba tsy hahafaty antsika sy ny firenentsika; fa nanerana ny tanàna ny horohoron' ny fahafatesana, fa navesatra indrindra tao ny tànan' Andriamanitra. **12** Ary ny olona izay tsy maty dia voan' ny vay kosa, ka ny fitarainan' ny tao an-tanàna dia niakatra ho any an-danitra.

6 Ary ny fiaran' i Jehovah dia tany amin' ny tanin' ny Filistina fito volana. **2** Ary ny Filistina nampaka ny mpisorona sy ny mpanao fankatovana ka nanao hoe: Ahoana no hataontsika amin' ny fiaran' i Jehovah? Lazao aminay izay hanateranay azy ho any amin' ny fitoerany. **3** Ary hoy ireo: Raha aterinareo ny fiaran' ny Andriamanitry ny Isiraely, aza aterina foana izy, fa manatera fanati-panonerana ho Azy mihitsy, dia ho sitrana ianareo, ary ho fantatrareo koa izay tsy ialan' ny tànany aminareo. **4** Dia hoy ny olona: Inona ary no fanati-panonerana haterinay ho Azy? Ary hoy kosa ireo: Vay volamena dimy sy totozy volamena dimy, araka ny isan' ireo andrianan' ny Filistina; fa aretina iray ihany no manjo anareo rehetra sy ny andrianananareo. **5** Koa manaova sarin' ny vainareo sy sarin' ny totozinareo izay manimba ny tany; ary omeo voninahitra ny Andriamanitry ny Isiraely; angamba hanamaivana ny tanany hiala aminareo sy ny andriamanitrareo ary ny taninareo Izy. **6** Fa nahoana no manamafy ny fonareo ianareo, toy ny nanamafian' ny Egyptiana sy Farao ny fony? Raha nanao fahagagana namelezany azy Izy, moa tsy nalefany handeha va ny olona, ka dia lasa? **7** Koa ankehitriny manaova sariety vaovao, ary mangalà ombivavy roa mitaiza, izay tsy mbola nasiana zioga, dia afehezo amin' ny sariety ny ombivavy, ka ento mody ny zanany hiala aminy. **8** Ary alao ny fiaran' i Jehovah, ka apetraho eo ambonin' ny sariety, dia ataovy ao anaty vata kely eo anilany ny fanaka volamena haterinareo ho Azy ho fanati-panonerana, ka ampandehano izany. **9** Ary izahao, ka raha miakatra amin' ny lalana mankany amin' ny taniny ihany ho any Beti-semesy izany, dia Jehovah no nahatonga izao loza lehibe izao tamintsika; fa raha tsy izany, dia ho fantatsika fa tsy ny tanany no namely antsika, fa mby amin' izay hanjo antsika. **10** Dia nataon' ny olona izany, ka naka ombivavy roa mitaiza izy, dia nafehiny tamin' ny sariety ireo, fa ny zanany narindriny tao an-trano. **11** Dia napetrany teo ambonin' ny sariety ny fiaran' i Jehovah sy ny vata kely ary ny totozy volamena sy ny sarin' ny vay. **12** Ary ny ombivavy nizotra mahitsy tamin' ny lalana mankany Beti-semesy, dia nandeha tamin' ny lalambe ka nimàmà teny am-pandehanana, ary tsy nania, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia, ary ireo andrianan' ny Filistina nanaraka azy hatramin' ny fari-tanin' i Beti-semesy. **13** Ary ny Beti-semesita nijinja ny vary tritika teny an-dohasaha; ary nanopy ny masony izy ka nahita ny fiara, dia faly raha nahita izany. **14** Ary ny sariety tonga teo an-tanimbarin' i Josoa Beti-semesita, dia nijanona teo, ary nisy vato lehibe teo; dia namaky ny hazon' ny sariety ny olona ka nanatitra ny ombivavy ho fanatitra dorana ho an' i Jehovah. **15** Ary ny Levita nampidina ny fiaran' i Jehovah sy ny vata kely izay teo aminy, dia ilay nitoeran' ny fanaka volamena, ka nametraka azy teo ambonin' ny vato lehibe; ary tamin' izany andro izany ny mponina tao Beti-semesy nanatitra fanatitra dorana sy fanatitra hafa alatsa-drà ho an' i Jehovah. **16** Ary raha hitan' ireo andriana dimy tamin' ny Filistina izany, dia niverina nankany Ekrona androtrizay ihany izy. **17** Ary izao no sary volamenan' ny vay naterin' ny Filistina ho fanati-panonerana ho an' i Jehovah: an' i Asdoda iray, an' i Gaza iray, an' i Askelona iray, an' i Gata iray, an' i Ekrona iray; **18** ary ny totozy volamena dia araka ny isan' ny tanàna rehetra an' ny Filistina, izay an' ireo andriana dimy, an' ny tanàna mimanda, na ny vohitra any ivelany, ka hatramin' ny vato lehibe izay nametrahany ny fiaran' i Jehovah; ary mbola any an-tanimbarin' i Josoa Beti-semesita mandraka androany izany. **19** Ary Jehovah namely ny mponina tao Beti-semesy noho ny nijerijeren' ireo ny fiarany, ka dia olona fito-polo amby dimy alina no maty; dia nisaona ny olona, satria nasian' i Jehovah, ka be dia be no maty. **20** Ary hoy ny mponina tao Beti-semesy: Iza no mahajanona eo anoloan' izao Jehovah Andriamanitra masìna izao? Ary ho amin' iza no hiakarany, rehefa miala amintsika? **21** Dia naniraka olona nankany amin' ny mponina tao Kiriata-jearima izy hanao hoe: Efa naverin' ny Filistina ny fiaran' i Jehovah; koa midìna ianareo, dia ento miakatra ho any aminareo izy.

7 Dia tonga teo ny mponina tao Kiriata-jearima ka nitondra ny fiaran' i Jehovah niakatra, dia nitondra azy ho ao an-tranon' i Abinadaba teo an-kavoana, ary nanamasina an' i Eleazara zanany mba hitandrina ny fiaran' i Jehovah izy. **2** Ary hatramin' izany andro izany dia nitoetra ela tany Kiriata-jearima ny fiaran' i Jehovah, dia roa-polo taona; ary ny taranak' Isiraely rehetra nalahelo an' i Jehovah. **3** Ary hoy Samoela tamin' ny taranak' Isiraely rehetra: Raha miverina amin' i Jehovah amin' ny fonareo rehetra tokoa ary ianareo, dia ario hiala aminareo ny andriamani-kafa sy ireo Astarta, ka ampiomany ny fonareo ho an' i Jehovah, ary aoka Izy ihany no hotompoinareo, dia hamonjy anareo amin' ny tanan' ny Filistina Izy. **4** Dia nanary ireo Bala sy Astarta ny Zanak' Isiraely ka nanompo an' i Jehovah irery ihany. **5** Ary hoy Samoela: Vorio ny Isiraely rehetra ho any Mizpa, dia hivavaka amin' i Jehovah ho anareo aho. **6**

Dia nivory tany Mizpa izy ary nanovo rano ka nandraraka izany teo anatrehan' i Jehovah, sady nifady hanina tamin' izany andro izany izy ka nanao hoe: Efa nanota tamin' i Jehovah isika. Ary Samoela nitsara ny Zanak' Isiraely tany Mizpa. **7** Ary rehefa ren' ny Filistina fa efa vory tany Mizpa ny Zanak' Isiraely, dia niakatra hamely azy ireo andrianan' ny Filistina. Ary nony nandre izany ny Zanak' Isiraely, dia raiki-tahotra izy noho ny Filistina. **8** Dia hoy ny Zanak' Isiraely tamin' i Samoela: Aza mitsahatra mitaraina amin' i Jehovah Andriamanitsika ho anay ianao, mba hamonjeny anay amin' ny tanan' ny Filistina. **9** Dia naka zanak' ondry mbola minono Samoela ka nanatitra azy ho fanatitra dorana ho an' i Jehovah; dia nitaraina tamin' i Jehovah ho an' ny Isiraely Samoela, ary nihaino azy Jehovah. **10** Ary raha mbola nanatitra ny fanatitra dorana Samoela, dia nanatona ny Filistina hiady amin' ny Isiraely; fa Jehovah nampikotrokorana mafy tamin' ny Filistina tamin' izany andro izany ka nampifanaritaka azy, dia resy teo anoloan' ny Isiraely izy. **11** Ary ny lehilahy amin' ny Isiraely niala tany Mizpa, dia nanenjika ny Filistina ka namely azy mandra-pahatongany teo ambanin' i Beti-kara. **12** Ary Samoela naka vato ka nanorina azy teo anelanelan' i Mizpa sy Sena, ary ny anarany nataony hoe Ebenezera; fa hoy izy: Efa novonjen' i Jehovah isika hatramin' izao. **13** Dia resy ny Filistina ka tsy tafiditra teo anatin' ny fari-tanin' ny Isiraely intsony; ary ny tànan' i Jehovah namely ny Filistina tamin' ny andro rehetra niainan' i Samoela. **14** Ary ny tanàna izay efa nalain' ny Filistina tamin' ny Isiraely dia azon' ny Isiraely indray, hatrany Ekrona ka hatrany Gata; ary ny faritanin' ireo dia nalain' ny Isiraely tamin' ny tanan' ny Filistina koa. Ary nihavana ny Isiraely sy ny Amorita. **15** Ary Samoela nitsara ny Isiraely tamin' ny andro rehetra niainany. **16** Ary nandeha isan-taona isan-taona izy nitety any Betela sy Gilgala ary Mizpa ka nitsara ny Isiraely teo amin' ireo tanàna rehetra ireo. **17** Dia niverina ho any Rama indray izy, fa tao ny tranony; ary nitsara ny Isiraely tao izy sady nanorina alitara tao ho an' i Jehovah.

8 Ary rehefa antitra Samoela, dia ny zanany no nataony mpitsara ny Isiraely. **2** Ary Joela no anaran' ny lahimatoany, ary Abia no anaran' ny faralahiny; mpitsara tany Beri-sheba izy ireo. **3** Nefa ny zanany tsy nanaraka ny dian-drainy, fa nivily nitady vola aman-karena ka nandray kolikoly sy nanao fitsarana miangatra. **4** Ary ny loholon' ny Isiraely rehetra nivory tao Rama ho any amin' i Samoela **5** ka nanao taminy hoe: Indro, efa antitra ianao, ary ny zanakao tsy manaraka ny dianao; koa manendre mpanjaka ho anay hitsara anay, tahaka ny firenena rehetra. **6** Fa tsy sitrak' i Samoela ny nanaovan' ny olona hoe: Omeo mpanjaka izahay hitsara anay. Dia nivavaka tamin' i Jehovah Samoela. **7** Ary hoy Jehovah tamin' i Samoela: Henoy ihany ny tenin' ny olona amin' izany rehetra lazainy aminao; fa tsy ianao no laviny, fa Izaho no laviny tsy hanjaka aminy. **8** Araka ny asa rehetra izay nataony hatramin' ny andro nitondrako azy nivoaka avy tany Egypta ka mandraka androany, dia ny nahafoizany Ahy sy ny nanompoany andriamani-kafa, dia toy izany koa no ataony aminao. **9** Ary ankehitriny henoy ihany ny teniny, kanefa lazao aminy marimarina, ka asehoy azy ny ho fanaon' ny mpanjaka izay hanjaka aminy. **10** Dia nambaran' i Samoela tamin' ny olona izay nangataka mpanjaka taminy ny teny rehetra nolazain' i Jehovah. **11** Ary hoy izy: Izao no ho fanaon' ny mpanjaka izay hanjaka aminareo: Ny zanakareo-lahy dia halainy ka hotendreny ho amin' ny kalesiny sy ho mpitaingin-tsoavaliny ary hihazakazaka eo alohan' ny kalesiny, **12** ary hotendreny ho mpifehy arivo sy ho mpifehy dimam-polo, ary hiasa ny taniny sy hijinja ny vokany ary hanao ny fiadiany sy ny fanaka momba ny kalesiny; **13** ary ny zanakareo-vavy dia halainy ho mpangaroharo zava-manitra ary ho mpahandro sy mpanao mofo; **14** ary ny tsara indrindra amin' ny sahanareo sy ny tanim-boalobokareo sy ny tanin' olivanareo dia halainy ka homeny ho an' ny mpanompony; **15** ary ny ampahafolon' ny voan-javatrareo sy ny tanim-boalobokareo dia halainy ka homeny ho an' ny tandapany sy ny tandonany. **16** Ary ny ankizilahinareo sy ny ankizivavinareo sy ny zatovonareo tsara indrindra ary ny borikinareo dia halainy ka hampanaoviny ny asany. **17** Ary halainy koa ny ampahafolon' ny ondry aman' osinareo; ary ny tenanareo ho tonga mpanompony. **18** Ary hitaraina amin' izany andro izany ianareo noho ny mpanjakanareo izay nofidinareo ho anareo, fa Jehovah tsy hamaly anareo amin' izany andro izany. **19** Kanefa tsy nety nihaino ny tenin' i Samoela ny olona, fa hoy izy: Tsia, fa aoka ihany hisy mpanjaka hanjaka aminay, **20** mba ho tahaka ny firenena rehetra koa izahay, ka ny mpanjakanay hitsara anay sy hivoaka eo alohanay ary hitarika ny adinay. **21** Ary ren' i Samoela ny teny rehetra nolazain' ny olona, ka dia nolazainy teo anatrehan' i Jehovah kosa. **22** Ary hoy Jehovah tamin' i Samoela: Henoy ny teniny ka manendre mpanjaka ho azy. Dia hoy Samoela tamin' ny lehilahy amin' ny Isiraely: Samia ary mandeha ho any amin' ny tanànanareo avy ianareo rehetra.

9 Ary nisy lehilahy avy amin' ny Benjamina, atao hoe Kisy, zanak' i Abiela, zanak' i Zerora, zanak' i Bekorata, zanak' i Afia, Benjamita izy sy mpanjatobe. **2** Ary nanan-janakalahy atao hoe Saoly izy, izay mbola tanora sady tsara tarehy, ka tsy nisy tsara tarehy noho izy teo amin' ny Zanak' Isiraely, ary nanan-tombo noho ny olona rehetra hatramin' ny sorony no ho miakatra ny halavany. **3** Ary very ny borikivavin' i Kisy, rain' i Saoly. Dia hoy Kisy tamin' i Saoly zanany: Mitondrà zatovo anankiray hanaraka anao, dia miaingà, ka mandehana hitady ny boriky. **4** Dia nandeha namaky ny tany havoan' i Efraima izy ka namaky ny tany Salisa, fa tsy nahita azy; dia nandeha namaky ny tany Salima indray izy, nefa tsy tany ireny; dia nandeha namaky ny tanin' ny Benjamina izy, fa mbola tsy nahita azy ihany indray. **5** Ary nony tonga teo amin' ny tany Zofa izy, dia hoy Saoly tamin' ny zatovony nanaraka azy: Andeha isika hiverina, fandrao isika indray no ahin' ikaky, fa tsy ny boriky intsony. **6** Fa hoy ny mpanompony taminy: Indro, misy lehilahin' Andriamanitra amin' iroa tanàna iroa, ary lehilahy malaza izy, fa izay rehetra lazainy dia tanteraka tokoa; koa andeha isika hankany, fa angamba

hatorony antsika izay lalana tokony halehantsika. **7** Dia hoy Saoly tamin' ny zatovony: indro, raha mankany isika, inona moa no haterintsika ho an-dralehilahy? fa efa lany ny mofo rehetra tao amin' ny fitondrantsika, ary tsy misy zavatra haterintsika ho an' ny lehilahin' Andriamanitra; ka inona moa no atỳ amintsika? **8** Dia namaly an' i Saoly indray ilay zatovo ka nanao hoe: Indro, atỳ an-tanako misy vola ampahefatry ny sekely; koa homeko ny lehilahin' Andriamanitra izany, mba hanoroany antsika izay lalana tokony halehantsika. **9** (Fahiny teo amin' ny Isiraely, raha nisy olona nandeha hanontany amin' Andriamanitra, dia izao no fanaony: Andeha, aoka hankany amin' ny mpahita isika; fa izay atao hoe mpaminany ankehitriny no natao hoe mpahita tany aloha.) **10** Dia hoy Saoly tamin' ny mpanompony: Tsara izany, fa andeha isika hankany. Dia lasa izy roa lahy nankany amin' ny tanàna nitoeran' ilay lehilahin' Andriamanitra. **11** Ary raha mbola niakatra teo amin' ny fiakarana ho any an-tanàna izy roa lahy, dia nahita zazavavy mivoaka hantsaka, ka hoy izy taminy: Ao ihany va ny mpahita? **12** Dia namaly azy ireo ka nanao hoe: Ao ihany izy; indro ao alohanao ao izy; mandehana faingana, fa efa tonga ao an-tanàna izy izao, satria misy fanatitra hataon' ny vahoaka ao amin' ny fitoerana avo anio; **13** ary raha vao miditra ao an-tanàna ianareo, dia ho hitanareo izy, raha tsy mbola miakatra hihinana ao amin' ny fitoerana avo, fa tsy hihinana ny vahoaka mandra-pahatongany, fa izy no manao fisaorana amin' ny fanatitra, ary rehefa afaka izany, dia vao mihinana izay nasaina; koa miakara ianareo ankehitriny, fa amin' izao no hahitanareo azy. **14** Dia niakatra tao an-tanàna izy roa lahy; ary nony tonga tao izy, dia, indro, Samoela nivoaka niakatra ho any amin' ny fitoerana avo ka nifanena taminy. **15** Ary Jehovah efa nanambara tamin' i Samoela omalin' ny andro nahatongavan' i Saoly ka nanao hoe: **16** Rahampitso toy izao dia hampandehaniko ho atỳ aminao ny lehilahy anankiray avy amin' ny tanin' ny Benjamina, ary hohosoranao ho mpanapaka ny Isiraely oloko izy ka hamonjy azy amin' ny tanan' ny Filistina, fa efa nijery ny oloko Aho, satria efa mby etỳ amiko ny fitarainany. **17** Ary nony hitan' i Samoela Saoly, dia hoy Jehovah taminy: Indro ny lehilahy voalazako taminao; io no hanjaka amin' ny oloko. **18** Ary Saoly dia nanatona an' i Samoela teo am-bavahady ka nanao hoe: Masìna ianao, atoroy ahy ny tranon' ny mpahita. **19** Ary Samoela dia namaly an' i Saoly hoe: Izaho no mpahita; miakara eo alohako ho any amin' ny fitoerana avo; fa hiara-mihinana amiko ianareo anio, ary raha maraina dia halefako handeha ianao ka holazaiko aminao izay rehetra ao am-ponao. **20** Ary aza malahelo ny amin' ny borikinao izay efa very hateloana, fa efa hita ireny; ary ho an' iza ny zavatra irina rehetra eo amin' ny Isiraely? Tsy ho anao sy ny ankohonan-drainao va? **21** Dia namaly Saoly ka nanao hoe: Tsy Benjamita va aho, avy amin' ilay kely indrindra amin' ny firenen' Isiraely? ary tsy kely indrindra va ny mpianakaviko eo amin' ny mpianakavin' ny firenen' i Benjamina rehetra? ka nahoana no miteny amiko toy izany ianao? **22** Ary Samoela dia nitondra an' i Saoly sy ny zatovony ka nampiditra azy tao amin' ny efi-trano, dia nanome azy toerana aloha teo amin' izay nasaina; ary tokony ho olona telo-polo ireo. **23** Ary hoy Samoela tamin' ny mpanao nahandro: Ento ilay anjara nomeko anao, izay efa nolazaiko taminao hoe. Tehirizo ity. **24** Dia nalain' ny mpanao nahandro ny soro-kena mbamin' ny eo aminy ka napetrany teo anoloan' i Saoly, ary hoy Samoela: Indro, izay efa natokana dia voapetraka eto anoloanao, koa hano; fa ho amin' izao fotoana izao no nitehirizana izany ho anao hatramin' izay nanaovako hoe: Efa nanasa ny vahoaka aho. Ary Saoly dia niara-nihinana tamin' i Samoela androtrizay. **25** Ary izy roa lahy nidina avy tao amin' ny fitoerana avo hankany an-tanàna, ary dia niresaka tamin' i Saoly teo an-tampon-trano Samoela. **26** Ary nifoha maraina koa izy ireo; ary nony nazavaratsy ny andro, dia niantso an' i Saoly teo an-tampon-trano Samoela ka nanao hoe: Mitsangàna ianao mba havoakako. Dia nitsangana Saoly, ka lasa nivoaka ho any ala-trano izy roa lahy, dia izy sy Samoela. **27** Ary nony nidina teo amin' ny faran' ny tanàna izy, dia hoy Samoela tamin' i Saoly: Ampandehano eo alohantsika ny zatovo (dia lasa nandeha izy), fa mijanòna kely ianao hilazako ny tenin' Andriamanitra.

10 Ary Samoela nitondra tavoara feno diloilo ka nanidina ny diloilo teo an-dohan' i Saoly, dia nanoroka azy ka nanao hoe: Tsy nanosotra anao va Jehovah mba ho mpanapaka ny lovany? **2** Rehefa misaraka amiko ianao anio, dia hahita olona roa lahy eo anilan' ny fasan-dRahely, ao amin' ny fari-tanin' ny Benjamina, ao Zelza, ary izy ireo hilaza aminao hoe: Efa hita ny boriky izay notadiavinao; ary, indro, tsy ny boriky intsony no heverin' ny rainao, fa ianareo kosa indray no ahiny, ka hoy izy: Ahoana re no hataoko ny amin' ny zanako? **3** Dia handroso hiala ao ianao ka ho tonga ao amin' ny hazo terebinta any Tabara, dia hifanena amin' ny olona telo lahy miakatra ho any amin' Andriamanitra any Betela, ny anankiray mitondra zanak' osy telo, ny anankiray mitondra mofo telo, ary ny anankiray mitondra divay iray tavoara; **4** ary hiarahaba anao ireo sy hanome anao mofo roa, dia horaisinao amin' ny tànany izany. **5** Rehefa afaka izany, dia ho tonga any Gibean' Andriamanitra ianao, izay misy miaramilan' ny Filistina; ary rehefa tonga ao an-tanàna ianao, dia hifanena amin' ny mpaminany maro irai-dia midìna avy ao amin' ny fitoerana avo mitondra lokanga sy ampongatapaka sy sodina ary valiha eo alohany, dia haminany ireo. **6** Ary hilatsaka aminao ny Fanahin' i Jehovah, ka hiara-maminany aminy ianao, dia ho voaova ho olom-baovao. **7** Ary rehefa tonga aminao ireo famantarana ireo, dia ataovy izay azon' ny tananao atao, fa Andriamanitra no momba anao. **8** Ary ianao hidina eo alohako ho any Gilgala, ary indro aho hidina ho any aminao mba hanatitra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana; ka hafitoana no hitoeranao mandra-pahatongako aminao, dia holazaiko aminao izay hataonao. **9** Ary raha vao nihodina niala tamin' i Samoela izy, dia nomen' Andriamanitra fo vaovao; ary tonga avokoa androtrizay ihany ireo famantarana rehetra ireo. **10** Ary rehefa tonga tany Gibea, izy indro, ny mpaminany maro irai-dia nifanena taminy; dia nilatsaka tamin' i Saoly ny Fanahin' Andriamanitra, ka naminany teo aminy izy. **11**

Ary nony hitan' izay rehetra nahalala azy hatramin' ny taloha fa, indro, maminany eo amin' ny mpaminany izy, dia nifampilaza ny olona ka nanao hoe: Inona izao tonga amin' ny zanak' i Kisy izao? Saoly koa va mba isan' ny mpaminany? **12** Ary ny anankiray teo namaly hoe: Fa iza moa no rain' ireny? Ary izany no nisehoan' ny fitenenana hoe: Saoly koa va mba isan' ny mpaminany? **13** Ary rehefa nitsahatra naminany Saoly, dia nankeo amin' ny fitoerana avo. **14** Ary hoy ny rahalahin-drain' i Saoly taminy sy tamin' ny mpanompony: Taiza no alehanareo? Ary hoy izy: Nitady ny boriky izahay; ka nony tsy hitanay izy, dia nankany amin' i Samoela izahay. **15** Ary hoy ny rahalahin-drain' i Saoly: Masìna ianao, lazao amiko izay nolazain' i Samoela taminao. **16** Dia hoy Saoly tamin' ny rahalahin-drainy: Nolazainy marimarina taminay fa efa hita ny boriky. Fa ilay nolazain' i Samoela ny amin' ny fanjakana tsy mba nambarany taminy. **17** Ary Samoela namory ny vahoaka ho any Mizpa ho any amin' i Jehovah **18** ka nanao tamin' ny Zanak' Isiraely hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Izaho nitondra ny Isiraely niakatra avy tany Egypta ka namonjy anareo tamin' ny tanan' ny Egyptiana sy tamin' ny tanan' ny fanjakana rehetra izay nampahory anareo. **19** Nefa ianareo kosa efa nandà an' Andriamanitrareo androany, Izay mamonjy anareo amin' ny zavatra manjo anareo sy ny fahorianareo rehetra; fa hoy ianareo taminy: Tsia, fa manendre mpanjaka ho anay. Koa ankehitriny, mijanòna eo anatrehan' i Jehovah araka ny firenenareo sy ny arivonareo avy. **20** Dia nampanatona ny firenen' Isiraely rehetra Samoela, ka ny firenen' i Benjamina no voafidy. **21** Dia nampanatona ny firenen' i Benjamina araka ny fokony avy izy, ary ny fokon' ny Matrita no voafidy. Dia voafidy Saoly, zanak' i Kisy; ary raha nitady azy ny olona, dia tsy nahita azy. **22** Dia nanontany tamin' i Jehovah indray ny olona, na mba efa tonga ao ralehilahy, na tsia. Ary hoy Jehovah: Indro, miery ao amin' ny entana izy. **23** Dia nihazakazaka ny olona ka naka azy tao; ary rehefa nitsangana teo afovoan' ny olona izy, dia nanan-tombo noho ny olona rehetra hatramin' ny sorony no ho miakatra ny halavany. **24** Ary hoy Samoela tamin' ny vahoaka rehetra: Hitanareo va izay nofidin' i Jehovah, fa tsy misy tahaka azy eo amin' ny vahoaka rehetra? Dia nihoby ny vahoaka rehetra ka nanao hoe: Ho ela velona anie ny mpanjaka. **25** Ary Samoela nilaza tamin' ny olona izay mety ho fitondrana ny fanjakana, dia nosoratany tamin' ny taratasy izany ka napetrany teo anatrehan' i Jehovah. Ary ny vahoaka rehetra samy nampodin' i Samoela ho any an-tranony avy. **26** Fa Saoly kosa nandeha nody tany Gibea, ary nomba azy ny olona maro, izay voatendrin' ny tànan' Andriamanitra ny fony. **27** Fa nisy kosa olona tena ratsy fanahy nanao hoe: Hataon' io lehilahy io ahoana no famonjy antsika? Dia nanazimba an' i Saoly ireo ka tsy nitondra fanomezana ho azy. Nefa Saoly dia tahaka ny marenina.

11 Ary Nahasy Amonita niakatra ka nitoby tandrifin' i Jabesi-gileada; dia hoy ny mponina rehetra tao Jabesy tamin' i Nahasy: Manaova fanekena aminay, dia hanompo anao izahay. **2** Fa hoy Nahasy Amonita: Izao no hanaovako fanekena aminareo: hopotsirina ny masonareo ankavanana rehetra, ka hataoko fandatsana ny Isiraely rehetra izany. **3** Fa hoy ny loholon' i Jabesy taminy: Omeo andro hafitoana izahay, mba hanirahanay olona ho any amin' ny fari-tanin' ny Isiraely rehetra, ka raha tàhiny tsy misy olona hamonjy anay, dia hivoaka hanatona anao izahay. **4** Dia tonga tany Gibean' i Saoly ny iraka ka nanambara ny teniny teo anatrehan' ny vahoaka; dia nanandratra ny feony ny vahoaka rehetra ka nitomany. **5** Ary, indro, Saoly tonga nandroaka ny omby avy tany an-tsaha ka nanao hoe: Inona izato nanjo ny olona, no mitomany izy? Ary nambarany azy ny tenin' ny mponina tao Jabesy. **6** Dia nilatsaka tamin' i Saoly ny Fanahin' Andriamanitra, ka nirehitra mafy ny fahatezeran' i Saoly, raha nandre izany teny izany. **7** Dia naka omby roa izy, ka norasainy ireo, dia nampitondrainy ny iraka ho any amin' ny fari-tanin' ny Isiraely rehetra ka nataony hoe: Na iza na iza tsy mivoaka hanaraka an' i Saoly sy Samoela, dia tahaka ireny no hanaovana ny ombiny. Dia nahazo ny olona ny fahatahorana an' i Jehovah, ka nivoaka toy ny olona iray ihany izy. **8** Ary nandamina azy tany Bezeka izy, dia telo hetsy no isan' ny Zanak' Isiraely, ary telo alina no isan' ny lehilahy amin' ny Joda. **9** Ary hoy izy tamin' ny iraka izay tonga teo: Izao no holazainareo amin' ny mponina ao Jabesi-gileada: Rahampitso ilay efa mafampana iny dia hisy famonjena ho anareo. Dia tonga ny iraka ka nanambara izany tamin' ny mponina tao Jabesy; ka dia faly ireo. **10** Ary hoy ny mponina tao Jabesy: Rahampitso no hivoahanay ho eny aminareo, dia hataonareo aminay izay rehetra sitrakareo. **11** Ary nony maraina, dia nozarain' i Saoly ho telo toko ny olona, ka tonga teo amin' ny toby tamin' ny fiambenana maraina izy ary namely ny Amonita mandra-pahafampanan' ny andro; koa izay sisa dia niely patrana, ka tsy nisy olona tafaraka na dia hatramin' ny roa aza. **12** Ary hoy ny vahoaka tamin' i Samoela: Iza moa no nanao hoe: Saoly va no hanjaka aminay? Atolory ireny olona ireny hataonay maty. **13** Fa hoy Saoly: Tsy hisy olona hatao maty anio; fa androany no nanaovan' i Jehovah famonjena teo amin' ny Isiraely. **14** Ary hoy Samoela tamin' ny vahoaka: Andeha isika hankany Gilgala hanavao ny fanjakana any. **15** Dia lasa ny vahoaka nankany Gilgala; ary tany Gilgala no nananganany an' i Saoly ho mpanjaka teo anatrehan' i Jehovah; ary tany no nanaterany fanati-pihavanana teo anatrehan' i Jehovah, dia nifaly indrindra teo Saoly mbamin' ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely.

12 Ary hoy Samoela tamin' ny Isiraely rehetra: Indro, efa nihaino ny teninareo aho tamin' izay rehetra nolazainareo tamiko ka efa nanendry mpanjaka hanjaka aminareo. **2** Ary ankehitriny, indro, ny mpanjaka mandeha eo anatrehanareo; fa izaho efa antitra sy fotsy volo; koa, indreo, eo aminareo ny zanako, ary izaho efa nandeha teo anatrehanareo hatry ny fony vao zaza ka mandraka androany. **3** Koa inty aho; tondroy maso eto anatrehan' i Jehovah sy ny voahosony aho: ombin' iza moa no nalaiko? na borikin' iza no nalaiko? na an' iza no nanaovako an-keriny? na iza no nampahoriko? na teo an-tànan' iza no

nandraisako kolikoly hahatampina ny masoko? fa honerako aminareo izany. **4** Ary hoy ireo: Hianao tsy nanao ankeriny taminay, na nampahory anay, na naka zavatra teny an-tànan' olona na dia iray akory aza. **5** Dia hoy Samoela taminy: Vavolombelona aminareo anio Jehovah, ary vavolombelona koa ny voahosony, fa tsy nisy zavatra hitanareo teo an-tanako na inona na inona. Dia hoy ireo: Eny, vavolombelona Izy. **6** Ary hoy Samoela tamin' ny olona: Jehovah no nanendry an' i Mosesy sy Arona, ary nitondra ny razanareo niakatra avy tany amin' ny tany Egypta. **7** Koa ankehitriny avia ianareo, fa hifandahatra aminareo eto anatrehan' i Jehovah aho ny amin' ny asa marina rehetra izay nataon' i Jehovah taminareo sy ny razanareo. **8** Rehefa tonga tany Egypta Jakoba, ka nitaraina tamin' i Jehovah ny razanareo, Jehovah dia naniraka an' i Mosesy sy Arona, ka ireo no nitondra ny razanareo nivoaka avy tany Egypta ary namponina azy teto amin' ity tany ity. **9** Nefa raha nanadino an' i Jehovah Andriamaniny izy, dia namidiny ho eo an-tànan' i Sisera, komandin' ny miaramilan' i Hazora, sy ho eo an-tànan' ny Filistina ary ho eo an-tànan' ny mpanjakan' i Moaba, ka niadian' ireo izy. **10** Dia nitaraina tamin' i Jehovah izy ka nanao hoe: Efa nanota izahay, fa efa nahafoy an' i Jehovah ka nanompo ireo Bala sy Astarta, nefa ankehitriny vonjeo amin' ny tanan' ny fahavalonay izahay, dia hanompo Anao. **11** Ary Jehovah efa naniraka an' i Jerobala sy Bedana sy Jefta ary Samoela, ka namonjy anareo tamin' ny tanan' ny fahavalonareo manodidina Izy, dia nandry fahizay ianareo. **12** Kanjo nony hitanareo fa avy hiady taminareo Nahasy, mpanjakan' ny Amonita, dia hoy ianareo tamiko: Tsia, fa aoka hisy mpanjaka hanjaka aminay; kanefa Jehovah Andriamanitrareo no mpanjakanareo. **13** Koa ankehitriny, indro ny mpanjaka izay nofidinareo sy nangatahinareo; ary indro fa Jehovah nanome mpanjaka hanjaka aminareo. **14** Enga anie ka hatahotra an' i Jehovah sy hanompo Azy ary hihaino ny feony ka tsy handà ny didiny ianareo, fa samy hanaraka an' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo sy ny mpanjaka izay manjaka aminareo. **15** Fa raha tsy mihaino ny tenin' i Jehovah kosa ianareo, fa mandà ny didiny, dia hamely anareo ny tànan' i Jehovah tahaka ny namelezany ny razanareo. **16** Koa mitsangàna ankehitriny, ka jereo izao zavatra lehibe hataon' i Jehovah eto imasonareo izao: **17** Moa tsy taom-pijinjana vary tritika va izao? Hiantso an' i Jehovah aho, ary hahatonga kotrokorana sy orana Izy, dia ho hitanareo sy ho fantatrareo fa lehibe ny ratsy nataonareo teo imason' i Jehovah, satria nangataka mpanjaka ianareo. **18** Ary Samoela niantso an' i Jehovah, ary Jehovah nahatonga kotrokorana sy orana tamin' izany andro izany; ary ny vahoaka rehetra dia natahotra an' i Jehovah sy Samoela indrindra. **19** Dia hoy ny vahoaka rehetra tamin' i Samoela: Mangataha amin' i Jehovah Andriamanitrao ho an' ny mpanomponao, Fandrao maty izahay! fa efa nanao izao ratsy Izao izahay ho fanampin' ny fahotanay rehetra, satria nangataka mpanjaka ho anay. **20** Ary hoy Samoela tamin' ny vahoaka: Aza matahotra; efa nanao izany ratsy rehetra izany tokoa ianareo; kanefa aza mivily tsy hanaraka an' i Jehovah; fa manompoa Azy amin' ny fonareo rehetra. **21** Eny, aza mivily; fa manaraka ireo zava-poana ianareo, izay tsy mahasoa na mahavonjy; fa zava-poana ireo. **22** Fa Jehovah tsy hahafoy ny olony noho ny anarany lehibe, satria sitrak' i Jehovah ny nanaovany anareo ho olony. **23** Ary ny amiko, sanatria raha hanota amin' i Jehovah aho ka hitsahatra tsy hangataka ho anareo; fa izaho hanoro anareo izay lalana tsara sy mahitsy. **24** Kanefa matahora an' i Jehovah ianareo, ka manompoa Azy marina amin' ny fonareo rehetra; fa eritrereto izao zavatra lehibe nataony ho anareo izao. **25** Fa raha mbola manao ratsy ihany ianareo, dia haringana ianareo sy ny mpanjakanareo koa.

13 Telo-polo taona Saoly, raha vao nanjaka; ary nanjaka roa taona tamin' ny Isiraely izy. **2** Ary Saoly nifantina telo arivo lahy tamin' ny Isiraely, ka ny roa arivo lahy nitoetra teo aminy tany Mikmasy sy tany amin' ny tany havoan' i Betela, ary ny arivo lahy nitoetra teo amin' i Jonatana tany Gibean' ny Benjamina; fa ny olona sisa kosa samy nampodiny ho any an-dainy avy. **3** Ary Jonatana namely ny miaramilan' ny Filistina, izay tany Geba, ary ren' ny Filistina izany. Ary Saoly nampitsoka anjomara teny amin' ny tany rehetra ka nanao hoe Aoka handre ny Hebreo. **4** Dia ren' ny Isiraely rehetra fa efa namely ny miaramilan' ny Filistina Saoly, ka dia halan' ny Filistina ny Isiraely. Dia nivory ny olona hanaraka an' i Saoly ho any Gilgala. **5** Ary ny Filistina telo alina an-kalesy sy enina arivo an-tsoavaly ary vahoaka betsaka tahaka ny fasika eny amoron-dranomasina dia nivory hiady tamin' ny Isiraely; dia nandeha izy ka nitoby tany Mikmasy atsinanan' i Betavena. **6** Ary nony hitan' ny lehilahy amin' ny Isiraely fa poritra izy (fa efa ory indrindra ny olona), dia nijery tany an-johy sy tany amin' ny kirihitrala sy tany, amin' ny harambato sy tany amin' ny fierena ary tany amin' ny lavaka famorian-drano izy. **7** Ary ny Hebreo sasany dia lasa nita an' i Jordana nankany amin' ny tany Gada sy Gileada. Fa Saoly mbola tany Gilgala ihany, ary ny vahoaka rehetra nanaraka azy, nefa toran-kovitra be ihany. **8** Ary niandry hafitoana izy araka ny fotoana nataon' i Samoela; fa Samoela tsy mbola tonga tany Gilgala; ary ny olona niely nandao an' i Saoly. **9** Ary hoy Saoly: Ento etỳ amiko ny fanatitra dorana sy ny fanati-pihavanana; ka dia nanatitra ny fanatitra dorana izy. **10** Ary rehefa vita ny nanaterany ny fanatitra dorana, indro, tamy Samoela, ary nivoaka hitsena azy Saoly mba hiarahaba azy. **11** Dia hoy Samoela: Inona no nataonao? Ary hoy Saoly: Raha hitako fa niely nandao ahy ny olona, sady tsy tonga tamin' ny fotoana ianao, ary tafangona tany Mikmasy ny Filistina, **12** dia hoy izaho: Hidina amin' izao ny Filistina hamely ahy atỳ Gilgala, nefa tsy mbola nanao fifonana tamin' i Jehovah aho; dia sahy ihany aho ka nanatitra ny fanatitra dorana. **13** Ary hoy Samoela tamin' i Saoly: Nanao adala ianao; tsy nitandrina ny didin' i Jehovah Andriamanitrao izay nandidiany anao ianao; fa raha tsy izany, ankehitriny Jehovah dia ho nampitoetra ny fanjakanao amin' ny Isiraely ho mandrakizay. **14** Koa izao dia tsy haharitra ny fanjakanao; Jehovah efa nitady lehilahy ho Azy araka ny fony, ary izay no voatendrin' i Jehovah ho

mpanapaka ny olony, satria tsy nitandrina izay nandidian' i Jehovah anao ianao. **15** Dia niainga Samoela ka niala tany Gilgala hankany Gibean' ny Benjamina. Ary Saoly nandamina ny olona izay teo aminy, dia tokony ho enin-jato lahy reny. **16** Ary raha mbola nitoetra tany Gibean' ny Benjamina Saoly sy Jonatana zanany sy ny vahoaka teo amin' izy roa lahy, ary ny Filistina kosa nitoby, tany Mikmasy. **17** dia nivoaka nanao telo toko ny mpandrava avy teo amin' ny tobin' ny Filistina: ny iray toko nizotra tamin' ny lalana mankany Ofra ho any amin' ny tany Solala; **18** ary ny iray toko nizotra ho any amin' ny lalana mankany Beti-horona; ary ny iray toko kosa nizotra ho any amin' ny lalana mankany amin' ny fari-tany manatrika ny lohasaha Zeboïma tandrifin' ny efitra. **19** Ary teny amin' ny tanin' ny Isiraely rehetra tsy nisy mpanefy; fa hoy ny Fifistina: Andrao manefy sabatra na lefona ny Hebreo. **20** Ka dia samy nidina ho any amin' ny Filistina ny Isiraely rehetra hanasa ny fangadiny sy ny fiasàny sy ny famakiny ary ny fihadia-taniny. **21** Nefa nanana tsofa ihany izy handranitany ny fihadian-tany sy ny fiasàna sy ny telorantsana sy ny famaky ary handranitany ny fanindronan-omby. **22** Ary tamin' ny andro niadiana dia tsy nisy sabatra na lefona hita teny an-tànan' ny vahoaka rehetra izay eo amin' i Saoly sy Jonatana; fa tamin' i Saoly sy Jonatana zanany ihany no nisy. **23** Ary ny avy tao amin' ny miaramilan' ny Filistina nivoaka ho ao amin' ny hadilanana mankany. Mikmasy.

14 Ary tamin' ny indray andro dia hoy Jonatana, zanak' i Saoly, tamin' ny zatovo, mpitondra ny fiadiany: Andeha isika hankany amin' ny miaramilan' ny Filistina izay eryȝ an-dafy eryȝ. Nefa tsy nilaza tamin-drainy izy. **2** Ary Saoly nitoetra tao an-tsisin' i Gibea teo ambanin' ny hazo ampongabendanitra any Migrona; ary ny vahoaka teo aminy dia tokony ho enin-jato lahy; **3** ary teo koa nisalotra efoda Ahia, zanak' i Ahitoba, rahalahin' i Ikaboda, zanak' i Finehasa, zanak' i Ely, mpisoron' i Jehovah tany Silo. Fa tsy fantatry ny olona fa lasa Jonatana. **4** Ary teo an-daniny roa teo an-tenatenan' ny hadilanana izay nitadiavan' i Jonatana hankanesana ao amin' ny miaramilan' ny Filistina dia nisy harambato kitso loha: ny anaran' ny anankiray dia Bozeza, ary ny anaran' ny anankiray kosa Sene. **5** Ny iray amin' ireo harambato ireo dia nijoro avo teo an-daniny avaratra manandrify an' i Mikmasy, ary ny iray kosa nijoro avo teo atsimo manandrify an' i Gibea. **6** Ary hoy Jonatana tamin' ny zatovo, mpitondra ny fiadiany: Andeha isika hankany amin' ny miaramilan' ireo tsy mifora ireo; angamba homba antsika Jehovah, fa tsy misy mahasakana an' i Jehovah tsy hamonjy, na amin' ny maro, na amin' ny vitsy. **7** Dia hoy kosa ny mpitondra ny fiadiany taminy: Ataovy izay rehetra ao am-ponao; mandrosoa ihany; indro, hanaraka anao aho araka ny sitraponao. **8** Ary hoy Jonatana: Indro, handroso ho amin' ireo olona ireo isika ka hiseho aminy. **9** Ary raha hoy izy: Andraso mandra-pahatonganay any aminareo, dia hitoetra ao amin' izay itoerantsika ihany isika ka tsy hiakatra eny aminy. **10** Fa raha hoy kosa izy: Miakara etȝ aminay, dia hiakatra isika, fa efa natolotr' i Jehovah eo an-tanantsika izy; ary izany no ho famantarana ho antsika. **11** Dia niseho tamin' ny miaramilan' ny Filistina izy roa lahy, ary hoy ny Filistina: Indreo, misy Hebreo mifongatra avy any an-davaka niereny. **12** Ary ny miaramila namaly an' i Jonatana sy ny mpitondra ny fiadiany hoe: Miakara etȝ aminay, dia hanehoanay zavatra ianareo. Ary hoy Jonatana tamin' ny mpitondra ny fiadiany: Manaraha ahy, fa efa natolotr' i Jehovah eo an-tànan' ny Isiraely izy. **13** Ary Jonatana nananika, nandady tongotra amantanana, ary nanaraka azy ny mpitondra ny fiadiany. Dia lavo teo anatrehan' i Jonatana ny Filistina, ary ny mpitondra ny fiadiany namono teo aoriany. **14** Ary tokony ho roa-polo lahy no matiny aloha, izay novonoin' i Jonatana sy ny mpitondra ny fiadiany tao anatin' ny tany tokony ho antsasaky ny vavasa iray akera. **15** Koa nisy hovitra tao amin' ny toby tany an-tsaha sy tamin' ny vahoaka rehetra; ary ny teo amin' ny miaramila sy ny mpandrava nangovitra koa, ary nihorohoro ny tany, ka dia nisy fampangovitana avy tamin' Andriamanitra. **16** Ary ny mpitilin' i Saoly ao Gibean' ny Benjamina dia nitazana, ka, indro, niely ny vahoaka sady nifanaritaka be ihany. **17** Ary hoy Saoly tamin' ny olona teo aminy: Alaharo, ka izahao izay niala tamintsika. Ary nony voalahatra ny olona, dia Jonatana sy ny mpitondra ny fiadiany no tsy teo. **18** Dia hoy Saoly tamin' i Ahia: Ento etȝ ny fiaran' Andriamanitra (fa teo amin' ny Zanak' Isiraely ny fiaran' Andriamanitra fahizany). **19** Ary raha Saoly mbola niresaka tamin' ny mpisorona, dia nandroso sy nitombo ny tabataba terȝ an-tobin' ny Filistina. Ary hoy Saoly tamin' ny mpisorona: Aoka ihany. **20** Ary Saoly sy ny vahoaka rehetra izay teo aminy nivory, ka dia tonga tany amin' ny ady izy, ary indreo ny Filistina nifamely tamin' ny sabany, dia izy samy izy, ka nifanaritaka be ihany. **21** Ary ny Hebreo izay teo amin' ny Filistina taloha ka niara-niakatra taminy ho any an-toby avy tamin' ny tany manodidina dia nikambana tamin' ny Isiraely izay teo amin' i Saoly sy Jonatana koa. **22** Ary ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely izay niery tany amin' ny tany havoan' i Efraima, raha nandre ny nandosiran' ny Filistina, dia nanenjika azy fatratra koa tamin' ny ady. **23** Ary Jehovah namonjy ny Isiraely tamin' izany andro izany; ary tafahoatra any Betavena ny ady. **24** Ary ory ny lehilahy amin' ny Isiraely tamin' izany andro izany, nefa Saoly efa nampianiana ny olona hoe: Ho voaozona anie izay olona homan-kanina anio tontolo andro mandra-pamaliko ny fahavaloko. Dia tsy nisy olona nitendry hanina na dia iray akory aza. **25** Ary ny olona rehetra amin' ny tany dia niditra ny ala; ary nisy tantely teny ambonin' ny tany. **26** Ary rehefa tonga teo anaty ala ny olona, indro, nisy tantely nitsororoka; fa tsy nisy olona sahy nanainga ny tànany ho amin' ny vavany, fa natahotra ny fianianana izy. **27** Fa Jonatana kosa tsy nandre ny nampianianan-drainy ny olona; koa dia narosony ny loha-tehiny teny an-tànany ka natsobony teo amin' ny tantely, ary nataony teo am-bavany ny tànany, ka dia nazava ny masony. **28** Ary nisy olona anankiray niteny taminy ka nanao hoe: Rainao anie ka efa nampianiana mafy ny olona hoe: Ho voaozona anie izay olona homan-kanina anio; ka efa reraka ny olona. **29** Dia hoy Jonatana: Ikaky efa nampiditra loza tamin' ny tany; koa jereo, masìna ianareo, he! izato fahazavan' ny

masoko tamin' ilay nanandramako kely tamin' ity tantely ity. **30** Ka mainka fa raha navela hihinanan' ny olona ny babo azony tamin' ny fahavalony, tsy ho nahafatesana be lavitra va ny Filistina? **31** Ary izy ireo namely ny Filistina tamin' izany andro izany hatrany Mikmasy ka hatrany Aialona, ary reraka indrindra ny olona. **32** Dia nanaovan' ny olona ankazakazaka ny babo, ka naka ondry aman' osy sy omby ary zanak' omby izy, dia namono azy teo amin' ny tany, ka dia nohanin' ny olona mbamin' ny rànY. **33** Ary nisy nanambara tamin' i Saoly hoe: Indro, ny olona manota amin' i Jehovah, fa mihinana zavatra mbamin' ny rànY izy. Ary hoy Saoly: Efa diso ianareo, manakodiava vato lehibe etỳ amiko anio. **34** Ary hoy koa izy: Mieleza eny amin' ny olona ianareo, ka lazao aminy hoe: Samia mitondra ny ombiny etỳ amiko, ary samia mitondra ny ondriny, ka vonoy eto izy, dia hano, ary aza manota amin' i Jehovah amin' ny fihinanana zavatra mbamin' ny rànY. Ary ny vahoaka rehetra samy nitondra ny ombiny niaraka taminy tamin' izany alina izany ka namono azy teo. **35** Ary Saoly nanao alitara ho an' i Jehovah; io no alitara voalohany naoriny ho an' i Jehovah. **36** Ary hoy Saoly: Andeha isika hidina hanenjika ny Filistina anio alina ka hamabo azy ambara-pahazavan' ny andro, ary tsy hasiantsika miangana izy. Dia hoy ny olona: Ataovy izay sitrakao. Fa hoy ny mpisorona: Andeha isika hanatona an' Andriamanitra etoana. **37** Ary Saoly nanontany tamin' Andriamanitra hoe: Hidina hanenjika ny Filistina va aho? Hatolotrao eo an-tànan' ny Isiraely va izy? Fa tsy namaly azy akory Izy androtr' iny. **38** Ary hoy Saoly: Manatona etỳ, ianareo loholona rehetra, ary fantaro ka izahao izay nahatonga izao fahotana androany izao? **39** Fa raha velona koa Jehovah, Izay Mpamonjy ny Isiraely, dia na amin' i Jonatana zanako aza no hahitana izany, dia ho faty tokoa izy. Fa tsy nisy namaly azy ny vahoaka rehetra. **40** Dia hoy kosa izy tamin' ny Isiraely rehetra: Hianareo no aoka ho an-daniny, ary izaho sy Jonatana zanako kosa ho an-daniny. Ary hoy ny vahoaka tamin' i Saoly: Ataovy izay sitrakao. **41** Dia hoy Saoly tamin' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Asehoy izay marina. Ary Jonatana sy Saoly no notànany, fa afaka ny olona. **42** Ary hoy Saoly; Manaova filokana ny amiko sy Jonatana zanako. Ary Jonatana no notànany. **43** Dia hoy Saoly tamin' i Jonatana: Ambarao amiko izay nataonao. Ary Jonatana nanambara taminy hoe: Nanandrana tantely kely monja tamin' ny tendron' ny tehina tetỳ an-tanako aho, ary, indro, tsy maintsy ho faty aho. **44** Dia hoy Saoly: Hataon' Andriamanitra toy izany anie, eny mihoatra noho izany aza, raha tsy hatao maty tokoa ianao, ry Jonatana. **45** Fa hoy ny vahoaka tamin' i Saoly: Ho faty va Jonatana, izay nanao izao famonjena lehibe izao tamin' ny Isiraely? Sanatria izany! Raha velona koa Jehovah, tsy hisy na dia ny singam-bolony iray akory aza ho latsaka amin' ny tany, fa niara-niasa tamin' Andriamanitra izy androany. Ary ny vahoaka namonjy an' i Jonatana, ka dia tsy maty izy. **46** Ary Saoly niakatra rehefa avy nanenjika ny Filistina; ary ny Filistina kosa dia lasa nankany amin' ny taninY. **47** Ary Saoly nahazo ny fanjakan' Isiraely ary niady tamin' ny fahavalony rehetra manodidina, dia tamin' ny Moaba sy ny taranak' i Amona sy ny Edomita sy ny mpanjakan' i Zoba ary ny Filistina; ary izay nalehany rehetra dia resiny avokoa. **48** Ary namory miaramila izy, dia namely ny Amalekita ka namonjy ny Isiraely tamin' ny tànan' izay namaboazy. **49** Ary izao no zanakalahin' i Saoly: Jonatana sy Jisvy sy Malkisoa; izao kosa no anaran' ny zananivavy roa: ny anaran' ny vavimatoa Meraba, ary ny anaran' ny faravavy Mikala. **50** Ary ny anaran' ny vadin' i Saoly dia Ahinoama, zanakavavin' i Ahimaza: ary ny anaran' ny komandin' ny miaramilany dia Abnera, zanak' i Nera, rahalahin-drain' i Saoly. **51** Ary Kisy no rain' i Saoly; ary Nera, rain' i Abnera, dia zanak' i Abiela. **52** Ary mafy ny ady tamin' ny Filistina tamin' ny andron' i Saoly rehetra; koa raha nisy olona matanjaka sy mahery hitan' i Saoly, dia nalainy ho azy.

15 Ary hoy Samoela tamin' i Saoly: Jehovah naniraka ahy hanosotra anao ho mpanjakan' ny Isiraely olony; koa ankehitriny mihainoa ny tenin' i Jehovah ianao. **2** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Hovaliako izay nataon' ny Amalekita tamin' ny Isiraely, dia ny nanotrehany azy tany an-dalana, fony izy niakatra avy tany Egypta. **3** Koa mandehana ankehitriny, ka mameleza ny Amalekita, ary aringano izay rehetra mety ho azy, ka aza asiana miangana, fa vonoy avokoa, na lahy na vavy, na ankizy madinika, na zaza minono, na omby, na ondry aman' osy, na rameva, na boriky. **4** Ary Saoly namory ny olona ka nandamina azy tao Telaima, dia roa hetsy ny mandeha an-tongotra, ary iray alina ny lehilahy amin' ny Joda. **5** Ary Saoly dia tonga tao an-tanànan' ny Amalekita ka nanotrika tao an-dohasaha. **6** Ary hoy Saoly tamin' ny Kenita: Andeha miala ianareo, ka midìna hiala amin' ny Amalekita, fandrao miaraka aringako aminy ianareo, fa ianareo nanisy soa ny Zanak' Isiraely rehetra, fony izy nivoaka avy tany Egypta. Ka dia niala tamin' ny Amalekita ny Kenita. **7** Ary Saoly namely ny Amalekita hatrany Havila amin' ny lalana mankany Sora izay tandrifin' i Egypta. **8** Ary azony sambo-belona Agaga, mpanjakan' ny Amalekita, fa ny vahoaka rehetra kosa dia naringany tamin' ny lelan-tsabatra. **9** Fa Saoly sy ny olona tsy namono an' i Agaga sy izay tsara indrindra tamin' ny ondry aman' osy sy ny omby sy ny mifahy sy ny zanak' ondry ary izay tsara rehetra, fa tsy foiny ho naringana ireny; fa ny ratsy rehetra sy izay tsy tiany kosa dia naringany ihany avokoa. **10** Ary tonga tamin' i Samoela ny tenin' i Jehovah hoe: **11** Manenina Aho noho ny nanaovako an' i Saoly ho mpanjaka, fa niala tamin' ny fanarahana Ahy izy ka tsy nahatanteraka ny teniko. Dia tezitra Samoela ka nitaraina tamin' i Jehovah mandritra ny alina. **12** Ary nifoha maraina koa Samoela hitsena an' i Saoly, dia nisy nilaza tamin' i Samoela hoe: Saoly efa tonga ato Karmela, ary, indro, izy nanorina fahatsiarovana ho azy, dia nihodina ka nandroso nidina ho any Gilgala. **13** Ary Samoela tonga teo amin' i Saoly, dia hoy Saoly taminy: Hotahin' i Jehovah anie ianao; efa nahatanteraka ny tenin' i Jehovah aho. **14** Fa hoy Samoela: Inona anefa izany fibarareoky ny ondry aman' osy ren' ny sofiko izany sy ny fimàmàn' ny omby reko? **15** Ary hoy Saoly: Avy tany amin' ny Amalekita no nitondrany ireny, fa ny olona namela izay

ondry aman' osy sy omby tsara indrindra mba hovonoina hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitrao, fa ny sisa dia naringanay ihany avokoa. **16** Dia hoy Samoela tamin' i Saoly: Aoka izay, fa hambarako aminao izay nolazain' i Jehovah tamiko halina. Ary hoy izy taminy: Ambarao ary. **17** Dia hoy Samoela: Na dia noheverinao ho kely aza ny tenanao, moa tsy tonga lohan' ny firenen' Isiraely va? Ary Jehovah nanosotra anao ho mpanjakan' ny Isiraely; **18** ary Jehovah naniraka anao ka nanao hoe: Mandehana, ka aringano avokoa ny Amalekita mpanota, ary miadia aminy ambara-paharingany. **19** Koa nahoana ianao no tsy nihaino ny feon' i Jehovah, fa nanao an-kazakazaka tamin' ny babo ka nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah? **20** Fa hoy Saoly tamin' i Samoela: Efa nihaino ny feon' i Jehovah ihany aho ka nandeha tamin' izay nanirahan' i Jehovah ahy ary nitondra an' i Agaga, mpanjakan' ny Amalekita, sady nandringana ny Amalekita rehetra. **21** Nefa nangalan' ny olona ondry aman' osy sy omby ny babo, dia izay soa avy tamin' ny zavatra haringana, mba hovonoina hatao fanatitra ho an' i Jehovah Andriamanitrao ao Gilgala. **22** Fa hoy Samoela: Sitrak' i Jehovah moa ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa alatsa-drà mihoatra noho ny mihaino ny feon' i Jehovah? He! ny manafaka no tsara noho ny fanatitra, ary ny mihaino no tsara noho ny saboran' ondrilahy. **23** Fa ny miodina dia toy ny heloka amin' ny fankatovana, ary ny ditra dia toy ny manompo sampy sy terafima. Satria nandà ny tenin' i Jehovah ianao, dia nolaviny tsy ho mpanjaka kosa. **24** Ary hoy Saoly tamin' i Samoela: Efa nanota aho, fa efa nandika ny tenin' i Jehovah sy ny teninao; fa natahotra ny vahoaka aho ka nihaino ny feony. **25** Koa ankehitriny, masìna ianao, mamelà ny heloko ary miverena amiko indray mba hiankohofako eo anatrehan' i Jehovah. **26** Fa hoy Samoela tamin' i Saoly: Tsy hiverina aminao aho; fa ianao efa nandà ny tenin' i Jehovah, ary Jehovah kosa efa nandà anao tsy ho mpanjakan' ny Isiraely intsony. **27** Ary nony nihodina handeha Samoela, dia nohazonin' i Saoly ny sisin' akanjony ka triatra. **28** Dia hoy Samoela tamin' i Saoly: Efa notriarin' i Jehovah kosa ho afaka aminao androany ny fanjakan' Isiraely ka efa nomeny ny namanao izay tsara noho ianao. **29** Ary koa, ny Tokin' ny Isiraely tsy mba handainga na hanenina, fa tsy olona Izy ka hanenina. **30** Fa hoy Saoly: Efa nanota aho izao, kanefa, masìna ianao, mba omeo voninahitra eo anatrehan' ny loholoko sy eo anatrehan' ny Isiraely aho, ary andeha re hiara-miverina amiko indray mba hiankohofako eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitrao. **31** Ary Samoela dia niverina nanaraka an' i Saoly indray ary Saoly niankohoka teo anatrehan' i Jehovah. **32** Dia hoy Samoela: Entonareo eto amiko Agaga, mpanjakan' ny Amalekita. Ary Agaga nankeo aminy sady falifaly ka nanao hoe: Lasa tokoa ny fangidian' ny fahafatesana. **33** Fa hoy Samoela: Toy ny tsy nampananan' ny sabatrao zanaka ny vehivavy no tsy hananan' ny reninao zanaka kosa ao amin' ny vehivavy. Dia notetitetehin' i Samoela teo anatrehan' i Jehovah tao Gilgala Agaga. **34** Ary Samoela nankany Rama; fa Saoly kosa niakatra tany amin' ny tranony tao Gibean' i Saoly. **35** Ary Samoela tsy namangy an' i Saoly intsony ambara-pahafatiny; fa Samoela nalahelo an' i Saoly. Ary Jehovah nanenina noho ny nanaovany an' i Saoly ho mpanjakan' ny Isiraely.

16 Ary hoy Jehovah tamin' i Samoela: Mandra-pahoviana no hahalahelovanao an' i Saoly, nefa Izaho efa nandà azy tsy ho mpanjakan' ny Isiraely? fenoy diloilo ny tandrokao, ka mandehana, fa hirahiko ho any amin' i Jese Betlehemita ianao; fa efa nahita mpanjaka ho Ahy ao amin' ny zanany Aho. **2** Fa hoy Samoela: Hataoko ahoana no fandeha; fa raha ren' i Saoly izany, moa tsy hovonoiny va aho? Ary hoy Jehovah: Mitondrà ombivavy kely ianao, ka lazao hoe: Avy hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah aho. **3** Ary antsoy Jese mba ho any amin' ny fanatitra, ary Izaho no hampahafantatra anao izay hataonao; ka dia hohosoranao ho Ahy izay holazaiko aminao. **4** Ary Samoela nanao izay nolazain' i Jehovah, dia tonga tao Betlehema. Ary nitsena azy amin-kovitra ny loholona teo an-tanàna ka nanao hoe: Fihavanana va no ihavianao? **5** Ary hoy izy: Fihavanana; avy hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah aho; hamasino ny tenanareo, ary andeha hiaraka amiko ho any amin' ny fanatitra. Dia nohamasininy Jese sy ny zanany ka nasainy ho any amin' ny fanatitra. **6** Ary nony tonga ireo, dia nijery an' i Eliaba izy ka nanao hoe: Ny voahosotr' i Jehovah tokoa ity eto anatrehany. **7** Fa hoy Jehovah tamin' i Samoela: Aza mijery ny tarehiny na ny hahavon' ny tsanganany, fa efa nolaviko izy; fa tsy mba toy ny fijerin' ny olona no fijerin' i Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo. **8** Ary Jese niantso an' i Abinadaba ka nampandalo azy teo anatrehan' i Samoela. Fa hoy izy: Tsy ity no nofidin' i Jehovah. **9** Ary Jese dia nampandalo an' i Sama indray. Fa hoy izy: Tsy ity no nofidin' i Jehovah. **10** Ary Jese nampandalo fito lahy tamin' ny zanany teo anatrehan' i Samoela. Fa hoy Samoela tamin' i Jese: Tsy nofidin' i Jehovah ireto. **11** Ary hoy Samoela tamin' i Jese: Tapitra eto avokoa va ny zanakao-lahy rehetra? Dia hoy izy: Ny faralahy no sisa, fa miandry ondry izy. Ary hoy Samoela tamin' i Jese: Maniraha haka azy, fa tsy hipetraka hihinana isika ambara-pahatongany eto. **12** Dia naniraka izy ka nitondra azy hiditra. Ary mena volo izy sady bary maso no tsara tarehy. Ary hoy Jehovah: Mitsangàna, hosory izy, fa io no izy. **13** Ary Samoela nandray ny tandroka feno diloilo ka nanosotra azy teo amin' ny rahalahiny; ary ny Fanahin' i Jehovah dia nilatsaka tamin' i Davida hatramin' iny andro iny. Dia nitsangana Samoela ka nankany Rama. **14** Fa ny Fanahin' i Jehovah efa niala tamin' i Saoly, ary nisy fanahy ratsy avy tany amin' i Jehovah nampahatahotra azy. **15** Ary hoy ny mpanompon' i Saoly taminy: Indro, ankehitriny misy fanahy ratsy avy any amin' Andriamanitra mampahatahotra anao. **16** Aoka ny tomponay ankehitriny handidy anay mpanomponao izay eto anatrehanao, dia hitady olona mahay mitendry lokanga izahay; ary rehefa misy fanahy ratsy avy any amin' Andriamanitra tonga aminao, dia hitendry amin' ny tànany izy, ka dia ho tsara ihany ianao. **17** Ary hoy Saoly tamin' ny mpanompony: Mizahà ary olona izay mahay mitendry

tsara, ka ento etỳ amiko. **18** Dia namaly ny anankiray amin' ny zatovony ka nanao hoe: Indro, ny anankiray amin' ny zanak' i Jese Betlehemita no hitako mahay mitendry, sady lehilahy mahery sy mpanafika izy ary mahay mandaha-teny sy lehilahy tsara tarehy, ary Jehovah momba azy. **19** Ary Saoly dia naniraka tany amin' i Jese ka nanao hoe: Iraho hankatỳ amiko Davida zanakao izay miandry ondry. **20** Ary Jese naka mofo tokony ho zakan' ny boriky iray sy divay iray siny hoditra sy zanak' osy, ka nampitondrainy an' i Davida zanany ho an' i Saoly ireo. **21** Ary Davida tonga tany amin' i Saoly ka nitoetra teo anatrehany; ary tiany indrindra izy, ka dia tonga mpitondra ny fiadiany. **22** Ary Saoly naniraka tany amin' i Jese nanao hoe: Masìna ianao, avelao Davida hitoetra eo anatrehako, fa efa mahita fitia amiko izy. **23** Ary raha nisy fanahy avy tany amin' Andriamanitra tonga tao amin' i Saoly, dia noraisin' i Davida ny lokanga ka notendren' ny tànany; ka dia velombelona sady nanaritra Saoly, ary ny fanahy ratsy niala taminy.

17 Ary ny Filistina namory ny miaramilany hiady, ka tafavory tao Soko any Joda izy ary nitoby teo anelanelan' i Soko sy Azeka, dia tao Efesa-damima. **2** Ary Saoly sy ny lehilahy amin' ny Isiraely dia tafavory ka nitoby teo amin' ny lohasaha Elaha ary nilahatra hiady amin' ny Filistina. **3** Ary ny Filistina dia teo am-pita teo amin' ny tendrombohitra iray, ary ny Isiraely kosa teo am-pita teo amin' ny tendrombohitra iray, ary lohasaha no elanelany. **4** Ary nisy lehilahy iray mpihantsy ady nivoaka avy teny amin' ny tobin' ny Filistina, Goliata avy any Gata no anarany; enina hakiho sy irain-jehy no halavany **5** Ary nisatroka fiarovan-doha varahina izy, ary niakanjo fiarovan-tratra, ka ny lanjan' ny akanjony varahina dia dimy arivo sekely. **6** Ary nanao fiarovan-dranjo varahina tamin' ny tongony izy ary lefom-pohy varahina teo an-damosiny. **7** Ary ny haben' ny zaran-defony dia tahaka ny vodi-tenon' ny mpanenona; ary ny lela-lefony dia vy lanjan-tsekely enin-jato; ary nisy nitondra ny ampinga lehibe nandeha teo alohany. **8** Ary nijanona izy, dia niantso ny miaramilan' ny Isiraely ka nanao taminy hoe: Nahoana ianareo no mivoaka hilahatra hiady? Tsy Filistina va aho, ary ianareo kosa mpanompon' i Saoly? Mifidiana lehilahy iray ianareo, ary aoka izy hidina etỳ amiko. **9** Raha tàhiny maharesy ahy izy ka mahafaty ahy, dia ho mpanomponareo izahay; fa raha resiko kosa izy ka matiko, dia ho mpanomponay ianareo ka hanompo anay. **10** Ary hoy ilay Filistina: Izaho efa nihaika ny miaramilan' ny Isiraely androany; amoahy lehilahy iray aho hiady amiko. **11** Ary raha ren' i Saoly sy ny Isiraely rehetra izany tenin' ilay Filistina izany, dia nivadi-po izy ka raikitahotra loatra. **12** Ary Davida dia zanak' ilay Efratita avy any Betlehema-joda atao hoe Jese, izay nanana zanaka valo mirahalahy; ary Jese dia efa zokiolona sy anti-panahy tamin' ny andron' i Saoly; **13** ary ny zokiny telo lahy tamin' ny zanak' i Jese lasa nanaraka an' i Saoly nankany an-tafika; ary ny anaran' ny zanany telo lahy lasa nankany an-tafika dia Eliaba, lahimatoa, sy Abinadaba, lahiaivo, ary Sama no fahatelony; **14** ary Davida no faralahy; ary izy telo lahy zokiny lasa nanaraka an' i Saoly; **15** fa Davida kosa nivoivoy avy tany amin' i Saoly hiandry ny ondrin-drainy tany Betlehema. **16** Ary ilay Filistina nanatona marain-tsy hariva ka niseho efa-polo andro. **17** Ary hoy Jese tamin' i Davida zanany: Ento ity langa eran' ny efaha ity sy ireto mofo folo ireto ho an' ny rahalahinao; ka dia atero faingana ho any an-toby ho any amin' ny rahalahinao. **18** Ary ento ho an' ny mpifehy arivony ireto fromazy didiny folo ireto, dia izahao na tsara ihany ny rahalahinao, na manao ahoana, ary itondray izay hahafantarako ny toeny aho. **19** Ary Saoly sy izy telo lahy mbamin' ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely dia teo amin' ny lohasaha Elaha niady tamin' ny Filistina. **20** Dia nifoha maraina koa Davida ka namela ny ondriny hotandreman' olona, ary naka ny entany izy ka lasa nandeha araka ny nandidian' i Jese azy; ary tonga teo amin' ny sehatra-sariety izy; ary ny antokon' ny miaramila izay efa hivoaka hilahatra dia nanakora hiady tamin' izay. **21** Fa ny Isiraely sy ny Filistina efa nilahatra hiady ka nifanatrika ny miaramila. **22** Ary Davida namela ny entany teo anilan' ny mpiambina entana, dia nihazakazaka nankeny amin' ny laharan' ny miaramila, ary tonga ka nanontany ny amin' izay toetry ny rahalahiny. **23** Ary raha mbola niresaka taminy izy, indro, tamy niakatra avy teo amin' ny laharan' ny miaramilan' ny Filistina ilay mpihantsy ady, lehilahy Filistina avy any Gata, Goliata no anarany; ary niteny tahaka ny teo aloha ihany izy ka ren' i Davida. **24** ary ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely, raha nahita io lehilahy io, dia nandositra azy, fa natahotra indrindra izy. **25** Ary hoy ny lehilahy amin' ny Isiraely: Efa hitanareo va io lehilahy miakatra io? Hihaika ny Isiraely no iakarany; koa izay lehilahy mahafaty io dia hataon' ny mpanjaka manan-karem-bevava, ary dia homeny koa ny zananivavy ho vadiny, sady tsy hampandoavin-ketra amin' ny Isiraely ny tarana-drainy. **26** Ary hoy Davida tamin' ny olona teo anilany: Ahoana sy ahoana ange no hatao amin' izay lehilahy mahafaty io Filistina io ka mahafa-tondromaso ny Isiraely? Fa zinona moa io Filistina tsy mifora io, no dia hihaika ny miaramilan' Andriamanitra velona? **27** Ary ny olona namaly hoe: Izany ka izany no hatao amin' izay lehilahy mahafaty azy. **28** Ary Eliaba zokiny nandre azy niteny tamin' ny olona dia nirehitra tamin' i Davida ny fahatezerany, ka hoy izy: Nahoana ianao no midìna etỳ? Ary amin' iza moa no namelanao ireny ondry vitsy ireny any an-efitra? fantatro ny avonavonao sy ny faharatsian' ny fonao, fa hizaha ny ady no idinanao etỳ. **29** Ary hoy Davida: Moa maninona aho izao? Mba miteny aho, ka nahoana moa? **30** Ary niala teo aminy hankany amin' ny sasany koa izy ka niteny tahaka ny teo; ary ny olona namaly azy tahaka ny teo ihany indray. **31** Ary nony ren' ny olona ny teny izay nataon' i Davida, dia nambarany tamin' i Saoly; ka dia naniraka naka azy izy. **32** Ary hoy Davida tamin' i Saoly: Aoka tsy ho ketraka amin' ilehio ny fon' ny olona; fa ny mpanomponao handeha hiady amin' io Filistina io. **33** Fa hoy Saoly tamin' i Davida: Tsy tohanao ny handeha hiady amin' io Filistina io, satria mbola zaza ianao, fa izy efa mpiady hatrizay niainany. **34** Fa hoy Davida tamin' i Saoly: Ny mpanomponao niandry ny ondrin-drainy, ary nisy liona sy bera tonga tao ka nahalasa zanak' ondry teo amin' ny ondry, **35** dia nanenjika azy aho ka namely azy, ary azoko

teny am-bavany ilay zanak' ondry; ary nony handramatra ahy izy, dia nohazoniko tamin' ny somony, ary nasiako ka matiko. **36** Ny liona sy ny bera samy novonoin' ny mpanomponao; ary io Filistina tsy mifora io dia ho tahaka ny anankiray amin' ireny, satria nihaika ny miaramilan' Andriamanitra velona izy. **37** Ary hoy koa Davida; Jehovah, Izay namonjy ahy tamin' ny tanan' ny liona sy ny bera, Izy no hamonjy ahy amin' ny tanan' io Filistina io. Dia hoy Saoly tamin' i Davida; Mandehana, ary homba anao anie Jehovah. **38** Ary Saoly nampiakanjo an' i Davida ny akanjo fiadiany ary nanisy fiarovan-doha varahina tamin' ny lohany sy nampiakanjo azy akanjo fiarovan-tratra. **39** Ary Davida namehy ny sabany tamin' ny akanjo fiadiany, dia nanandrana handeha; fa tsy mbola nahazatra azy izany, ka hoy izy tamin' i Saoly: Tsy afa-mandeha amin' ireto aho, fa tsy mbola nahazatra ahy; ary dia nesorin' i Davida izany. **40** Dia nitondra ny tehiny teny an-tànany izy sady nifidy vato kilonjy dimy tao amin' ny lohasahan-driaka, ka nataony tao anatin' ny kitapo fitondran' ny mpiandry ondry, izay teny aminy, ary ny antsamotadiny koa teny an-tànany; dia nanatona ilay Filistina izy. **41** Ary ilay Filistina nandroso nanatona an' i Davida, sady teo alohany ilay lehilahy mitondra ny ampinga lehibe. **42** Ary nony nijerijery an' i Davida ilay Filistina ka nahita azy, dia nianjonanjona taminy, fa tanora izy sady mena volo no tsara tarehy. **43** Ary hoy ilay Filistina tamin' i Davida: Alika angaha aho, no hatonin' ialahy amin' ny tehina? Ary nanozona an' i Davida tamin' ireo andriamaniny ilay Filistina **44** sady nanao tamin' i Davida hoe: Avia etỳ amiko, dia homeko ny voro-manidina sy ny bibi-dia ny nofon' ialahy. **45** Fa hoy kosa Davida tamin' ilay Filistina: Hianao manatona ahy amin' ny sabatra sy ny lefona ary ny lefom-pohy; fa izaho kosa manatona anao amin' ny anaran' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny miaramilan' ny Isiraely, Izay efa nohaikainao. **46** Anio no hanoloran' i Jehovah anao amin' ny tanako, ary hamely anao aho ka hanapaka ny lohanao, dia homeko ny voro-manidina sy ny bibi-dia ny fatin' ny miaramilan' ny Filistina anio, mba ho fantatry ny tany rehetra fa manana Andriamanitra tokoa ny Isiraely. **47** Ary ho fantatr' izao fiangonana rehetra izao fa tsy sabatra sy lefona no amonjen' i Jehovah; fa an' i Jehovah ny ady, ary hanolotra anareo ho eo an-tananay Izy. **48** Ary nony niainga ilay Filistina ka nanatona hitsena an' i Davida, dia nandroso faingana Davida ka nihazakazaka ho eo amin' ny laharan' ny miaramila hitsena ilay Filistina. **49** Ary natsofok' i Davida tao an-kitapo ny tananay, ka naka vato tao izy, ka dia nalefany tamin' ny antsamotady, ka nahavoa ilay Filistina tamin' ny handriny, ary nilentika tamin' ny handriny ny vato, dia potraka niankohoka tamin' ny tany izy. **50** Toy izany no nandresen' i Davida ilay Filistina tamin' ny vaton' antsamotady, fa namely ilay Filistina izy ka nahafaty azy, ary tsy nisy sabatra teny an-tànan' i Davida. **51** Dia nihazakazaka Davida ka nitsangana teo anilan' ilay Filistina, dia nalainy ny sabatr' ilehio ka notsoahany tamin' ny tranony, dia namonoany azy, sy nanapahany ny lohany. Ary nony hitan' ny Filistina fa maty ilay lehilahy maheriny, dia vaky nandositra izy. **52** Ary ny lehilahy amin' ny Isiraely sy ny Joda dia nitsangana ka nanakora sy nanenjika ny Filistina hatrany akaikin' i Gay sy ny vavahadin' i Ekrona; ary izay voa tamin' ny Filistina dia niampatrampatra teny amin' ny lalana mankany Saraima ary hatrany Gata ka hatrany Ekrona. **53** Ary ny Zanak' Isiraely niverina avy nanenjika mafy ny Filistina ka namabo ny tobiny koa. **54** Ary ny lohan' ilay Filistina dia noraisin' i Davida ka nentiny tany Jerosalema; fa ny fiadiany napetrany tao amin' ny lainy. **55** Ary nony nahita an' i Davida nandeha hiady tamin' ny Filistina Saoly, dia hoy izy tamin' i Abnera, komandin' ny miaramila: Ry Abnera, zanak' iza moa iny zaza iny? Ary hoy Abnera: Raha velona koa ny ainao, ry mpanjaka, tsy fantatro velively. **56** Ary hoy ny mpanjaka: Anontanionao na zanak' iza na zanak' iza iny zaza iny. **57** Ary nony niverina avy namono ilay Filistina Davida, dia nalain' i Abnera izy ka nentiny teo anatrehan' i Saoly, ary mbola teny an-tànany ihany ny lohan' ilay Filistina. **58** Dia hoy Saoly taminy: Zanak' iza moa ianao, ry zatovo? Ary hoy Davida: Zanak' i Jese Betlehemita mpanomponao aho.

18 Ary rehefa nitsahatra niteny tamin' i Saoly izy, dia raiki-pitia tamin' i Davida ny fanahin' i Jonatana, ka tia azy hoatra ny tenany mihitsy izy. **2** Ary Saoly nandray azy tamin' izany andro izany ka tsy namela azy hody tany amin' ny tranon-drainy intsony. **3** Ary Davida sy Jonatana nanao fanekena noho ny fitiavan' i Jonatana azy toy ny tenany. **4** Ary nesorin' i Jonatana ny akanjony ivelany izay teny aminy ka nomeny an' i Davida mbamin' ny akanjo fiadiany sy ny sabany sy ny tsipìkany ary ny fehin-kibony koa aza. **5** Ary Davida nanafika ka hita fa hendry tamin' izay rehetra nanirahan' i Saoly azy; ka dia nataon' i Saoly mpifehy ny miaramila izy sady nankasitrahan' ny vahoaka rehetra sy ny mpanompon' i Saoly koa. **6** Ary nony tonga ny olona tamin' ny niverenan' i Davida avy namono ilay Filistina, dia nivoaka ny vehivavy avy tamin' ny tanànan' ny Isiraely rehetra ka nihira sy nandihy nitsena an' i Saoly mpanjaka tamin' ny ampongatapaka sy ny fifaliana ary ny kipantsona. **7** Ary ny vehivavy mpandihy dia nihira hoe: Saoly nahafaty arivoarivo; Fa Davida nahafaty alinalina. **8** Dia tezitra indrindra Saoly, fa tsy sitrany izany teny izany, ka hoy izy: Ny an' i Davida nataony alinalina lahy, fa ny ahy kosa nataony arivoarivo ihany; koa ny fanjakana ihany no sisa tsy mbola azony. **9** Ary Saoly hatramin' izany andro izany dia nangarika an' i Davida. **10** Ary nony ampitson' iny dia nisy fanahy ratsy avy tany amin' Andriamanitra nilatsaka tamin' i Saoly, ka dia maola tao an-trano izy; ary Davida nitendry lokanga tamin' ny tànany tahaka ny fanaony isan' andro ihany, ary nisy lefona teny an-tànan' i Saoly. **11** Dia natorak' i Saoly ny lefona; fa hoy izy: Hamely an' i Davida aho, ka hataoko miboroaka mihatra amin' ny rindrina. Fa Davida nisoroka indroa teo anatrehany. **12** Ary Saoly natahotra an' i Davida, satria Jehovah nomba azy, fa Saoly kosa efa nialany. **13** Koa dia nesorin' i Saoly tsy ho eo aminy Davida, ary nataony mpifehy arivo, dia nitarika ny olona nivoaka sy niditra izy. **14** Ary Davida dia hita fa hendry tamin' izay rehetra nataony, ary Jehovah nomba azy. **15** Ary nony hitan' i Saoly fa hendry dia hendry

Davida, dia natahotra azy izy. **16** Fa ny Isiraely sy ny Joda rehetra kosa tia an' i Davida, satria nitondra azy nivoaka sy niditra izy. **17** Ary hoy Saoly tamin' i Davida: Indro homeko ho vadinao Meraba vavimatoako, koa mahereza ho ahy anefa ianao, ary miadia ny adin' i Jehovah. (Fa hoy Saoly: Aoka tsy ny tanako no hamely azy, fa aoka ny tanan' ny Filistina no hamely azy.) **18** Fa hoy Davida tamin' i Saoly: Zinona moa aho, ary manao ahoana no toetry ny mpianakavin' ny raiko ao amin' ny Isiraely, no ho vinanton' ny mpanjaka aho? **19** Kanjo nony tamin' ny andro tokony ho namoahana an' i Meraba, zanakavavin' i Saoly, ho vadin' i Davida, dia nomena ho vadin' i Adriela Meholatita izy. **20** Fa Mikala, zanakavavin' i Saoly kosa tia an' i Davida; ary nisy nanambara izany tamin' i Saoly, ka sitrak' i Saoly izany. **21** (Fa hoy Saoly: Homeko azy izy, mba ho fandrika aminy ka hamelezan' ny tanan' ny Filistina azy.) Dia hoy Saoly tamin' i Davida: Fanindroan' ny maha-vinantoko anao izao. **22** Ary Saoly nandidy ny mpanompony hoe: Miresaha mangingina amin' i Davida, ka ataovy hoe: Indro, tian' ny mpanjaka ianao, ary ny mpanompony rehetra tia anao; ka dia maneke ihany ho vinanton' ny mpanjaka ianao. **23** Ary ny mpanompon' i Saoly nilaza izany teny izany tamin' i Davida. Fa hoy Davida: Moa ataonareo ho zavatra kely izany ho vinanton' ny mpanjaka? Tsy hitanareo va fa izaho dia olona malahelo sady tsy manan-daza? **24** Ary ny mpanompon' i Saoly nilaza taminy hoe: Izany no navalin' i Davida. **25** Dia hoy Saoly: Izao no holazainareo amin' i Davida: Ny mpanjaka tsy mila harena be ho vodiondry, fa ny mariky ny fahafatesan' ny Filistina zato lahy ihany, mba ho famaliana ny fahavalony. Kanjo hevitr' i Saoly hahafaty an' i Davida amin' ny tanan' ny Filistina izany. **26** Ary rehefa nambaran' ny mpanompon' i Saoly tamin' i Davida izany teny izany, dia sitrak' i Davida ny ho vinanton' ny mpanjaka. Ary raha tsy mbola tapitra ny fetr' andro, **27** dia niainga Davida, ary nandeha izy sy ny olony ka nahafaty Filistina roan-jato, lahy ary Davida nitondra ny mariky ny fahafatesany ka nanisa azy teo anatrehan' ny mpanjaka mba hahavinanton' ny mpanjaka azy. Dia nomen' i Saoly ho vadin' i Davida Mikala zananivavy. **28** Ary Saoly nahita sy nahalala fa Jehovah nomba an' i Davida; ary Mikala zananivavy tia azy. **29** Ary dia vao mainka natahotra an' i Davida Saoly; ka dia tonga fahavalon' i Davida mandrakariva izy. **30** Ary ireo andrianan' ny Filistina dia nanafika; ary isaky ny nanafika izy, dia Davida no hita fa hendry noho ny mpanompon' i Saoly rehetra, ka dia nisandratra ny anarany.

19 Ary Saoly niresaka tamin' i Jonatana zanany sy tamin' ny mpanompony rehetra ny amin' izay hahafaty an' i Davida. Fa Jonatana, zanak' i Saoly, kosa tia dia tia an' i Davida. **2** Ary Jonatana nanambara tamin' i Davida hoe: Saoly raiko mitady hamono anao; koa, masìna ianao, tandremo ny tenanao rahampitso maraina, ary mitoera amin' izay fitoerana mangingina, ka miere; **3** ary izaho hivoaka ka hitsangana eo anilan' ikaky amin' ny saha izay misy anao, dia hiresaka aminy ny aminao; koa izay hitako dia hambarako aminao. **4** Ary Jonatana nilaza soa an' i Davida tamin' i Saoly rainy, ka hoy izy taminy: Aoka ny mpanjaka tsy hanisy ratsy an' i Davida mpanompony, fa izy tsy nanisy ratsy anao, sady nahasoa anao indrindra ny nataony, **5** fa izy efa nanao ny ainy tsy ho zavatra ka namono ny Filistina, ary Jehovah nahavita famonjena lehibe ho an' ny Isiraely rehetra; ianao nahita izany ka faly; koa nahoana no dia hanota handatsaka rà marina ianao ka hahafaty foana an' i Davida? **6** Ary Saoly nihaino ny tenin' i Jonatana ka nianiana hoe: Raha velona koa Jehovah, dia tsy hatao maty izy. **7** Ary Jonatana niantso an' i Davida ka nanambara izany rehetra Izany taminy, dia nitondra an' i Davida ho eo amin' i Saoly, ka dia nitoetra teo anatrehany tahaka ny teo aloha ihany indray izy. **8** Ary mbola nisy ady ihany; dia nivoaka Davida ka niady tamin' ny Filistina ary nahafaty betsaka, ka dia nandositra azy ireny. **9** Ary nisy fanahy ratsy avy tany amin' i Jehovah tonga tao amin' i Saoly, raha nipetraka tao an-tranony izy sy nitana ny lefony teny an-tànany; ary Davida nitendry lokanga tamin' ny tànany. **10** Ary Saoly nihendry hamely an' i Davida tamin' ny lefona, ka hataony miboroaka mihatra amin' ny rindrina; fa izy nisoroka niala teo anatrehan' i Saoly, ka ny rindrina no voan' ny lefona; dia nandositra Davida ka afaka tamin' iny alina iny ihany. **11** Ary Saoly naniraka olona hankany amin' ny tranon' i Davida hiambina azy hahafaty azy raha maraina; fa Mikala, vadin' i Davida, nilaza taminy hoe: Raha tsy mamonjy ny ainao anio alina ianao, dia hatao maty raha maraina. **12** Ary Mikala nampidina an' i Davida tamin' ny varavarankely; ka dia lasa nandositra izy ka afaka. **13** Ary nalain' i Mikala ny sampy, dia napetrany teo amin' ny farafarany, ka nosaronany makarakara volon' osy ny lohany, dia norakofany ny lamba izy. **14** Ary nony naniraka haka an' i Davida Saoly, dia hoy ny vavy: Marary izy. **15** Ary Saoly naniraka ny olona hizaha an' i Davida indray ka nanao hoe: Ento miakatra atỳ amiko amin' ny farafara izy hovonoiko. **16** Dia niditra ny iraka, kanjo, indro, ny sampy no teo am-parafara, ary voasaron' ilay makarakara volon' osy ny lohany. **17** Dia hoy Saoly tamin' i Mikala: Nahoana ianao no namitaka ahy toy izany ka nandefa ny fahavaloko, ary afa-nandositra izy? Fa hoy Mikala tamin' i Saoly: Hoy izy tamiko: Avelao aho handeha, fandrao hovonoiko **18** Dia nandositra Davida ka afaka ary tonga tany amin' i Samoela tany Rama, dia nambarany azy izay rehetra nataon' i Saoly taminy; ary nandeha izy sy Samoela ka nonina tany Naiota. **19** Ary nisy nanambara tamin' i Saoly hoe: Indro, Davida ao Naiota any Rama. **20** Ary Saoly naniraka olona hisambotra an' i Davida; ary nony hitan' ireo ny mpaminany tafangona sy maminany ary Samoela mitsangana eo ho lohany, dia tonga tamin' ny irak' i Saoly ny Fanahin' Andriamanitra, ka dia mba naminany koa izy. **21** Ary nony nisy nanambara izany tamin' i Saoly, dia naniraka olon-kafa izy, ary ireo koa dia mba naminany. Ary Saoly naniraka olonkafa indray fanintelony, nefa naminany ihany koa ireo. **22** Ary dia lasa nankany Rama koa ny tenany, ary tonga tao amin' ny lavaka lehibe famorian-drano izay ao Seko izy ka nanontany hoe: Aiza Samoela sy Davida? Ary hoy ny anankiray: Indreo ao Naiota any Rama izy. **23** Dia nankany Naiota any Rama Saoly, ary tonga tao aminy koa ny Fanahin'

Andriamanitra, dia nandroso izy sady naminany teny ampandehanana ambara-pahatongany tany Naiota any Rama. **24** Ary nanaisotra ny fitafiany koa izy ka mba naminany tahaka ny sasany teo anatrehan' i Samoela, ary izy nandry nitanjaka mandritra iny andro sy alina iny. Koa izany no nanaovan' ny olona hoe: Saoly koa moa mba isan' ny mpaminany?

20 Ary Davida nandositra niala tao Naiota any Rama, dia tonga ka nilaza teo anatrehan' i Jonatana hoe: Inona no nataoko? Inona no heloko? Ary inona no fahotako teo anatrehan-drainao, no dia mitady ny aiko izy? **2** Ary hoy izy taminy: Sanatria izany! Tsy ho faty ianao; indro, tsy misy tsy ambaran' ikaky ahy izay ataony na be na kely, ary hataon' ikaky ahoana no fanafina izany zavatra izany amiko? Tsy misy izany. **3** Ary Davida mbola nianiana indray nanao hoe: Fantatry ny rainao marimarina fa efa mahita fitia eo imasonao aho, ka hoy izy: Aoka tsy ho fantatr' i Jonatana izany, fandrao malahelo izy; fa raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny fanahinao, toa iray dia monja no anelanelako sy ny fahafatesana. **4** Dia hoy Jonatana tamin' i Davida: Na inona na inona no angatahinao, dia hatàoko aminao izany. **5** Ary hoy Davida tamin' i Jonatana: Indro, ho tsinam-bolana rahampitso, ary izaho tokony hiaramipetraka hihinana amin' ny mpanjaka; nefa avelao aho handeha hiery any an-tsaha ambara-pihavin' ny afaka ampitso harivariva. **6** Koa raha hitan' ny rainao fa tsy eo aho, dia ataovy hoe: Niera fatratra tamiko Davida mba hikaretsaka kely hankany Betlehema tanànany; fa misy fanatitra fanao amin' izy mianakavy rehetra isan-taona any. **7** Ary raha lazainy hoe: Tsara izany, dia fiadanana no ho an' ny mpanomponao; fa raha tezitra mafy kosa izy, dia aoka ho fantatrao tsara fa misy ratsy ifofoany ahy. **8** Koa mamindrà fo amin' ny mpanomponao; fa nampanaovinao ny faneken' i Jehovah aminao ny mpanomponao; nefa raha manankeloka aho, dia aoka ianao ihany no hahafaty ahy, fa nahoana no ho entinao any amin' ny rainao aho? **9** Fa hoy Jonatana: Sanatria raha hahazo anao izany! Fa raha fantatro tokoa fa misy ratsy ifofoan' ikaky anao, dia hambarako aminao mihitsy izany. **10** Dia hoy Davida tamin' i Jonatana: Iza no hanambara izany amiko, na hampandre ahy izay teny sarotra havalin-drainao anao? **11** Ary hoy Jonatana tamin' i Davida: Andeha ary isika hivoaka any an-tsaha. Dia nivoaka tany an-tsaha izy roa lahy. **12** Ary hoy Jonatana tamin' i Davida: Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, anie ho vavolombelona! Rehefa fotorako tsara rahampitso na afaka ampitso toy izao ny hevitry ny raiko, ka hitako fa misy soa ho an' i Davida, ka tsy maniraka any aminao aho sy manambara izany aminao, **13** dia hataon' i Jehovah toy izany anie Jonatana, eny, mihoatra noho izany aza; fa raha kasain' ny raiko kosa ny hanisy ratsy anao, dia hambarako aminao izany, ka halefako ianao mba handehananao soa aman-tsara; ary homba anao tahaka ny tamin' ny raiko anie Jehovah. **14** Ary raha mbola velona ihany aho, dia tsy hasehonao ahy va ny fiantran' i Jehovah mba tsy hahafaty ahy? **15** Ary tsy hesorinao amin' ny taranako koa ny famindram-ponao mandrakizay, eny, na dia avy aza izay handringanan' i Jehovah ny fahavalon' i Davida rehetra tsy ho etỳ ambonin' ny tany. **16** Ary dia nanao fanekena Jonatana ny amin' ny taranak' i Davida hoe: Jehovah no hamaly ny fahavalon' i Davida. **17** Ary Jonatana nampianiana an' i Davida indray noho ny fitiavany azy; fa tiany toy ny tenany izy. **18** Ary hoy Jonatana tamin' i Davida: Rahampitso ho tsinam-bolana; ary ho hita fa tsy eo ianao, fa ho foana ny fipetrahanao. **19** Koa rehefa mby amin' ny andro fahatelo dia midìna faingana ianao, ary tongava ao amin' ilay nierenao tamin' ny andro nitrangan' ilay raharaha iny, ka mitoera ao anilan' ny vato Ezela. **20** Ary izaho handefa zana-tsipìka telo eo anilany, toy ny mikendry marika. **21** Dia haniraka ny zazalahy aho ka hanao hoe: Mandehana, izahao ny zana-tsipìka. Ka raha lazaiko mihitsy amin' ilay zazalahy hoe: Indreo eo aorianao ny zana-tsipìka, ento etỳ, dia avia ianao, fa hipetraka amin' ny fiadanana ianao, ka tsy hisy haninona anao, raha velona koa Jehovah. **22** Fa raha hoy kosa aho amin' ilay zazalahy: Indreo eo alohanao ny zana-tsipìka, dia mandehana ianao, fa Jehovah no nampandeha anao. **23** Ary ny amin' ilay noresahintsika, dia izaho sy ianao, indro, Jehovah no vavolombelona amiko sy aminao mandrakizay. **24** Ary Davida niery tany an-tsaha. Koa nony tsinam-bolana, dia nipetraka hihinana **25** teo amin' ny fipetrahany tahaka ny isanandro ihany ny mpanjaka, dia teo amin' ny fipetrahana teo anilan' ny rindrina, koa Jonatana nitsangana, fa Abnera nipetraka teo anilan' i Saoly; ary foana kosa ny fipetrahan' i Davida. **26** Nefa Saoly tsy niteny na inona na inona tamin' izany andro izany; fa nataony ho nisy zavatra nanjo azy, ka tsy madio izy, eny, tsy madio izy. **27** Ary nony tamin' ny andro faharoa dia ny ampitson' ny tsinam-bolana, ka mbola foana ihany ny fipetrahan' i Davida, dia hoy Saoly tamin' i Jonatana zanany: Ahoana no tsy mba nahatongavan' ny zanak' i Jese hihinana omaly sy androany? **28** Ary Jonatana namaly an' i Saoly hoe: Davida niera fatratra tamiko hankany Betlehema **29** nanao hoe: Masìna ianao, aoka handeha aho, fa izahay mianakavy manao fanatitra any an-tanàna, ka asain' ny rahalahiko mankany aho; koa ankehitriny, raha nahita fitia eo imasonao aho, masìna ianao, aoka handeha aho hamangy ny rahalahiko; ka izany no tsy mba nahatongavany teto amin' ny latabatry ny mpanjaka. **30** Dia nirehitra tamin' i Jonatana ny fahatezeran' i Saoly, ka hoy izy taminy: Hianao zanaky ny vehivavy maditra sy mpiodina, moa tsy fantatro va fa mifidy ny zanak' i Jese ianao ho henatrao sy ho henatry ny kibon' ny reninao. **31** Fa raha mbola velona etỳ ambonin' ny tany koa iny zanak' i Jese iny, dia tsy ho tafatoetra tsara ianao na ny fanjakanao. Koa maniraha haka azy hankatỳ amiko, fa meloka tokony ho faty izy. **32** Ary Jonatana namaly an' i Saoly rainy ka nanao taminy hoe: Nahoana no hatao maty izy? Inona no nataony? **33** Ary Saoly nitora-defona handefona azy, ka dia fantatr' i Jonatana fa nofofoin' ny rainy hovonoina Davida. **34** Dia nitsangana niala teo amin' ny latabatra Jonatana, sady nirehitra ny fahatezerany, ka tsy nihinan-kanina izy tamin' ny ampitson' ny tsinam-bolana; fa nalahelo an' i Davida izy, satria nomendrainy henatra. **35** Ary nony maraina, dia nivoaka nankany

an-tsaha Jonatana tamin' ilay fotoana nataony tamin' i Davida, ary nisy zazalahy kely nanaraka azy. **36** Ary hoy Jonatana taminy: Mihazakazaha, ka izahao ny zana-tsipìka alefako. Ary nony nihazakazaka ilay zazalahy, dia nalefany nihoatra azy ny zana-tsipìka. **37** Ary nony efa tonga teo amin' ilay nipetrahan' ny zana-tsipìka nalefan' i Jonatana ilay zazalahy, dia nantsoin' i Jonatana izy hoe: Tsy ireo alohanao ireo va ny zana-tsipìka? **38** Ary Jonatana niantso ilay zazalahy hoe: Haingàna dia haingàna, ka aza mijanonjanona. Ary ny zazalahin' i Jonatana nanangona ny zana-tsipìka, dia nankeo amin' ny tompony. **39** Nefa ilay zazalahy tsy nahalala na inona na inona; fa Jonatana sy Davida ihany no nahalala ny anton' izany. **40** Dia nomen' i Jonatana ilay zazalahy ny fiadiany, ka hoy izy taminy: Mandehana, ka ento ho any an-tanàna ireto. **41** Ary nony lasa ilay zazalahy, dia nitsangana avy any atsimo Davida, ka niankohoka tamin' ny tany izy sady niondrika in-telo, ary nifanoroka izy roa lahy, ka samy nitomany; nefa ny an' i Davida dia mafy loatra. **42** Ary hoy Jonatana tamin' i Davida: Mandehana soa aman-tsara; fa efa nianiana tamin' ny anaran' i Jehovah isika roa lahy hoe: Jehovah no vavolombelona amiko sy aminao ary amin' ny taranako sy ny taranakao mandrakizay. Dia nitsangana Davida ka lasa; fa Jonatana kosa nankany an-tanàna.

21 Ary Davida tonga tany Noba, tany amin' i Ahimeleka mpisorona; ary toran-kovitra Ahimeleka, raha nihaona tamin' i Davida, ka nanao taminy hoe: Nahoana no mandeha irery ianao, fa tsy misy manaraka anao? **2** Dia hoy Davida tamin' i Ahimeleka mpisorona: Ny mpanjaka efa nanome raharaha ahy, ka hoy izy tamiko: Aoka tsy ho fantatr' olona ny raharaha nanirahako sy nandidiako anao; ka dia nasaiko nankary ny zatovoko. **3** Koa inona no misy ato aminao? Omeo mofo dimy aho ho etỳ an-tanako, na izay misy. **4** Ary ny mpisorona namaly an' i Davida hoe: Tsy misy mofo fihinana ato amiko, fa mofo masìna ihany no ato, ka raha mba nifady vehivavy ahay mantsy ny zatovo. **5** Ary Davida namaly ny mpisorona ka nanao taminy hoe: Eny, fa hatramin' ny hateloana efa tsy niara-nitoetra tamim-behivavy rahateo izahay; ary tamin' izaho niainga dia masìna ny fanaky ny zatovo; ary na dia tsy masìna aza ny lalana, dia hohamasinina anio izy noho ny fanaka. **6** Ary ny mpisorona nanome azy mofo masìna; fa tsy nisy mofo teo, afa-tsy ny mofo aseho, izay nalainy teo anatrehan' i Jehovah, mba hasiana mofo mafana tamin' ny andro nanesorana azy. **7** (Nefa nisy anankiray tamin' ny mpanompon' i Saoly teo tamin' izany andro izany, voahazona teo anatrehan' i Jehovah, Doega Edomita no anarany; lehiben' ny mpiandrin' i Saoly izy.) **8** Ary hoy Davida tamin' i Ahimeleka: Tsy misy lefona na sabatra va eto aminao? fa izaho tsy nitondra ny sabatro na ny fiadiako etỳ amiko, satria nahamaika ny raharahan' ny mpanjaka. **9** Fa hoy ny mpisorona: Ny sabatr' i Goliata Filistina, ilay novonoinao tao amin' ny lohasaha Elaha, indro, fa mifono lamba ao ivohon' ny efoda izy; ka raha iny no ho entinao, dia ento; fa tsy misy afa-tsy iny eto. Ary hoy Davida: Tsy misy tahaka iny, fa omeo ahy. **10** Ary Davida niainga nandositra tamin' izany andro izany mba tsy ho azon' i Saoly, dia nankany amin' i Akisy, mpanjakan' i Gata. **11** Ary hoy ny mpanompon' i Akisy taminy: Tsy ity moa no Davida, mpanjakan' ny tany? Tsy izy va no nandihizany sy nifampihirany hoe: Saoly nahafaty arivoarivo, Fa Davida nahafaty alinalina? **12** Ary dia nalatsak' i Davida tao am-pony izany teny izany, ka natahotra an' i Akisy, mpanjakan' i Gata, indrindra izy. **13** Dia nody adala teo anatrehany izy ka nanao tahaka ny olona very saina teo aminy, fa nanoratsoratra teo amin' ny lela-vavahady izy, sady navelany hitsororoka tamin' ny somony ny iviny. **14** Ary hoy Akisy tamin' ny mpanompony: He! hitanareo fa very saina io lehilahy io, ka nahoana no nentinareo etỳ amiko izy? **15** Izaho moa mitady olona very saina, no nitondranareo ity olona very saina ity mba hanondrana eto anatrehako? Moa hiditra ato an-tranoko va ilehio?

22 Ary Davida niala teo ka nandositra nankany amin' ny zohin' i Adolama; ary nony nandre izany ny rahalahiny sy ny mpianakavin-drainy, dia nidina tany aminy ireo. **2** Ary izay mahantra rehetra sy izay mpitrosa rehetra ary izay manana alahelo am-po rehetra dia nivory tao aminy, ary izy no tonga mpifehy azy; ka dia tonga tokony ho efa-jato lahy ny tao aminy. **3** Ary Davida niala tao nankany Mizpa any Moaba ka nanao tamin' ny mpanjakan' i Moaba hoe: Masìna ianao, avelao ny raiko sy ny reniko ho avy atỳ hitoetra etỳ aminao ambara-pahafantatro izay hataon' Andriamanitra amiko. **4** Ary dia nentiny ho eo anatrehan' ny mpanjakan' i Moaba izy ireo ka nonina teo aminy tamin' ny andro rehetra nitoeran' i Davida tao amin' ny batery fiarovana. **5** Ary hoy Gada mpaminany tamin' i Davida: Aza mitoetra ao amin' ny batery fiarovana; fa mialà, ka mankanesa any amin' ny tanin' ny Joda. Dia nandeha Davida ka tonga tany an' ala Hareta. **6** Ary ren' i Saoly fa hita Davida sy ny olona nanaraka azy (nipetraka tao Gibea teo ambanin' ny hazo tamariska teo an-kavoana Saoly tamin' izay, sady nisy lefona teny an-tànany, ary ny mpanompony rehetra nitsangana teo anoloany), **7** dia hoy Saoly tamin' ny mpanompony izay teo anoloany: Henoy kely, ry taranak' i Benjamina: Moa ianareo rehetra koa mba homen' ny zanak' i Jese saha sy tanim-boaloboka, ary mba hataony mpifehy arivo sy mpifehy zato ianareo rehetra, **8** no dia miray tetika hanohitra ahy ianareo rehetra, ka tsy nisy nanambara tamiko fa ny zanako nanao fanekena tamin' ny zanak' i Jese, ary tsy nisy nalahelo ahy akory ianareo, na nanambara tamiko fa ny zanako efa nanome fo ny mpanompoko ho mpanotrika ahy tahaka ny amin' izao anio izao? **9** Ary Doega Edomita, mpifehy ny mpanompon' i Saoly, namaly ka nanao hoe: Nahita ny zanak' i Jese tonga tany Noba aho tany amin' i Ahimeleka, zanak' i Ahitoba. **10** Ary Ahimeleka nanontany ho azy tamin' i Jehovah sady nanome azy vatsy; ary nomeny azy koa ny sabatr' i Goliata Filistina. **11** Ary ny mpanjaka dia naniraka naka an' i Ahimeleka mpisorona, zanak' i Ahitoba, sy ny tarana-drainy rehetra, izay mpisorona, tao Noba; ka dia tonga tany amin' ny mpanjaka izy rehetra. **12** Ary hoy Saoly: Mba mihainoa ianao, ry zanak' i Ahitoba. Ary

izy namaly hoe: Inty aho, tompoko. **13** Ary hoy Saoly taminy: Nahoana ianareo no niray tetika hanohitra ahy, dia ianao sy ny zanak' i Jese, tamin' ilay nanomezanao azy mofo sy sabatra ary nanontanianao ho azy tamin' Andriamanitra hahatongavany ho mpanotrika ahy tahaka ny amin' izao anio izao? **14** Ary Ahimeleka namaly ny mpanjaka hoe: Iza moa amin' ny mpanomponao rehetra no mba mahatoky tahaka an' i Davida, izay vinanton' ny mpanjaka sady mpanolo-tsaina anao sy malaza ao antranonao? **15** Ary vao izay va no nanontaniako ho azy tamin' Andriamanitra? Sanatria ahy izany! Aoka ny mpanjaka tsy hanome tsiny ny mpanompony na ny tarana-draiko rehetra; fa ny mpanomponao tsy nahalala na inona na inona ny amin' izany rehetra izany, na kely na be. **16** Fa hoy ny mpanjaka: Hatao maty tokoa ianao, ry Ahimeleka, dia ianao sy ny tarana-drainao rehetra. **17** Ary hoy ny mpanjaka tamin' ny mpiambina izay teo anoloany: Mihodìna, ka vonoy ny mpisoron' i Jehovah; fa ny tànan' ireo koa momba an' i Davida, satria fantany ihany fa nandositra izy, nefa tsy nambarany tamiko izany. Fa ny mpanompon' ny mpanjaka tsy nety naninjitra ny tànany hamely ny mpisoron' i Jehovah. **18** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Doega: Mihodìna ianao, ka asio ny mpisorona. Ary Doega Edomita nihodina ka namely ny mpisorona, dia nahafaty olona dimy amby valopolo izay nisalotra efoda rongony fotsy. **19** Dia nasiany tamin' ny lelan-tsabatra koa Noba, tanànan' ny mpisorona, dia ny lehilahy sy ny vehivavy, ny ankizy madinika sy ny zaza minono, ny omby sy ny boriky ary ny ondry aman' osy. **20** Ary ny anankiray tamin' ny zanak' i Ahimeleka, zanak' i Ahitoba, Abiatara no anarany, dia afa-nandositra ka nanaraka an' i Davida. **21** Ary Abiatara nanambara tamin' i Davida ny namonoan' i Saoly ny mpisoron' i Jehovah. **22** Ary hoy Davida tamin' i Abiatara: Fantatro androtr' iny ihany fa tao Doega Edomita ka hilaza amin' i Saoly tokoa; koa izaho no anton' ny nahafaty ny olona rehetra tamin' ny tarana-drainao. **23** Tomoera etỳ amiko, ka aza matahotra; fa izay mikatsaka ny aiko no mikatsaka ny ainao koa; fa eto amiko no hahavoavonjy anao.

23 Ary nisy nanambara tamin' i Davida hoe: Indro, ny Filistina mamely an' i Keila ka mamabo ny ao amin' ny famoloana. **2** Ary Davida nanontany tamin' i Jehovah hoe: Handeha hamely izao Filistina izao va aho? Ary hoy Jehovah tamin' i Davida: Mandehana, asio ny Filistina, ka vonjeo Keila. **3** Ary hoy ny olon' i Davida taminy: He! atỳ Joda aza isika matahotra, koa mainka raha mankany Keila hiady amin' ny miaramilan' ny Filistina? **4** Dia nanontany tamin' i Jehovah indray Davida. Ary Jehovah namaly azy hoe: Miaingà, midìna hankany Keila, fa Izaho no hanolotra ny Filistina ho eo an-tananao. **5** Dia lasa Davida sy ny olony nankany Keila ary niady tamin' ny Filistina ka namabo ny ombiny sady nahafaty olona be dia be. Ary dia voavonjin' i Davida ny mponina tao Keila. **6** Ary raha nandositra nankany amin' i Davida tany Keila Abiatara, zanak' i Ahimeleka, dia nitondra efoda teny an-tànany izy. **7** Ary nambara tamin' i Saoly fa tonga tao Keila Davida. Dia hoy Saoly: Andriamanitra efa nanolotra azy ho eo antanako, satria efa voahidy izy izao noho ny nidirany amin' ny tanàna misy vavahady mihidy. **8** Ary Saoly namory ny olona rehetra hidina hankany Keila hanafika ka hanao fahirano an' i Davida sy ny olony. **9** Ary fantatr' i Davida fa Saoly namorona sain-dratsy hamelezana azy; dia hoy izy tamin' i Abiatara mpisorona: Ento etỳ ny efoda. **10** Dia hoy Davida: Ry Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, efa ren' ny mpanomponao tokoa fa Saoly mitady hankatỳ Keila mba handrava ny tanana noho ny amiko. **11** Ka moa ny mponina etỳ Keila hanolotra ahy ho eo an-tànany va? Hidina etỳ va Saoly toy ny efa ren' ny mpanomponao? Ry Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, mifona aminao aho, ambarao amin' ny mpanomponao. Ary hoy Jehovah: Hidina izy. **12** Dia hoy Davida: Ny mponina etỳ Keila hanolotra ahy sy ny oloko ho eo an-tànan' i Saoly va? Ary hoy Jehovah Hanolotra anao izy. **13** Ary dia niainga Davida sy ny olony tokony ho enin-jato lahy ka niala tao Keila ary nandeha tamin' izay azony naleha. Ary nolazaina tamin' i Saoly fa efa nandositra niala tao Keila Davida, dia nijanona tsy nandeha izy. **14** Ary Davida nitoetra tany an-efitra tao amin' ny batery fiarovana sy nitoetra tany amin' ny tany havoana tany an-efitr' i Zifa. Ary Saoly nitady azy isan' andro, fa Andriamanitra tsy nanolotra azy ho eo an-tànany. **15** Ary hitan' i Davida fa Saoly nivoaka hitady ny ainy; fa Davida dia tany an-efitr' i Zifa tany anaty ala. **16** Ary Jonatana, zanak' i Saoly, niainga, dia nankany amin' i Davida tany an' ala ka nampahery ny tànany tamin' Andriamanitra. **17** Ary hoy izy tamin' i Davida: Aza matahotra, fa tsy hahazo anao ny tànan' i Saoly raiko; fa ianao no ho mpanjaka amin' ny Isiraely, ary izaho no hanarakaraka anao, ary fantatr' i Saoly raiko koa izany. **18** Ary nanao fanekena teo anatrehan' i Jehovah izy roa lahy; ary Davida dia nitoetra tany an' ala, fa Jonatana kosa nankany an-tranony. **19** Ary niakatra nankany amin' i Saoly tany Gibea ny Zifita ka nanao hoe: Tsy miery any aminay ao amin' ny batery fiarovana any an' ala, any amin' ny havoana Hakila, izay atsimon' ny efitra, va Davida? **20** Koa ankehitriny, ry mpanjaka, araka ny fanirian' ny fonao hidina, dia midìna ianao, fa azonay hatolotra eo an-tànan' ny mpanjaka izy. **21** Ary hoy Saoly: Hotahin' i Jehovah anie ianareo; fa ianareo namindra fo tamiko. **22** Masìna ianareo, mandehana, hevero indray, ka tsongoy tsara ny diany, ary fantaro izay nahita azy tany; fa manao saina lalina dia lalina, hono, izy. **23** Koa izahao sy fantaro tsara ny fierena rehetra izay iereny, dia miverena etỳ amiko indray hilaza marimarina, ary izaho dia hiaraka aminareo; koa raha mitoetra amin' ny tany izy, dia hotadiaviko eran' ny arivon' i Joda rehetra. **24** Dia niainga nankany Zifa ireo hialoha an' i Saoly; fa Davida sy ny olony dia tany amin' ny efitr' i Maona, tamin' ny tani-hay atsimon' ny efitra. **25** Ary nandeha Saoly sy ny mpanompony hitady azy. Ary nolazaina tamin' i Davida izany, ka dia nidina tany amin' ny harambato izy ka nitoetra tany an-efitr' i Maona. Ary nony ren' i Saoly izany, dia nanenjika an' i Davida tany an-efitr' i Maona izy. **26** Ary Saoly nandeha tamin' ny ilan' ny tendrombohitra iray, fa Davida sy ny olony tamin' ny ilany kosa; ary niezaka mafy handositra Davida noho ny tahony an' i Saoly; fa Saoly sy ny olony saiky nahodidina an' i

Davida sy ny olony hisambotra azy. **27** Dia nisy iraka tonga tao amin' i Saoly nanao hoe: Avia haingana ianao, fa ny Filistina efa manafika ny tany. **28** Dia niverina Saoly tamin' ny nanenjehany an' i Davida ary nandeha niady tamin' ny Filistina; ary ny anaran' izany tany izany dia nataony hoe: Sela-hamalekota. **29** Ary Davida niakatra niala teo ka nitoetra tao amin' ny batery fiarovana tany En-jedy.

24 Ary rehefa niverina avy nanenjika ny Filistina Saoly, dia nisy nanambara taminy hoe; Indro, Davida any an-efitr' i En-jedy. **2** Ary Saoly naka telo arivo lahy voafantina tamin' ny Isiraely rehetra ka lasa nitady an' i Davida sy ny olony tany amin' ny vatolampin' ny osi-dia. **3** Ary tonga teo amin' ny valan' ondry tamoron-dalana izay nisy zohy izy, ka niditra tao Saoly mba hiavela; nefa Davida sy ny olony efa nipetraka tao anatin' ny zohy. **4** Ary hoy ny olon' i Davida taminy: Izao no andro nolazain' i Jehovah taminao hoe: Indro, hatolotro eo an-tananao ny fahavalonao hataonao araka izay sitrakao. Dia nitsangana Davida ka nitsaitsaika nanapaka ny sisin' ny kapôtin' i Saoly. **5** Nefa nony efa vita izany, dia namely an' i Davida ny eritreriny noho ny nanapahany ny sisin' ny kapôtin' i Saoly, **6** ka hoy izy tamin' ny olony: Sanatria amiko eo anatrehan' i Jehovah, raha hanao izany zavatra izany amin' ny tompoko izay voahosotr' i Jehovah ka haninjitra ny tanako aminy, fa voahosotr' i Jehovah izy. **7** Dia nampijanona ny mpanompony tamin' izany teny izany Davida ka tsy namela azy hitsangana hamely an' i Saoly. Ary Saoly nitsangana ka niala tao an-johy, dia nandeha tamin' izay nalehany. **8** Ary rehefa afaka izany, dia mba nitsangana koa Davida ka niala tao an-johy koa, dia niantso an' i Saoly ka nanao hoe: Ry mpanjaka tompoko ô! Ary nony nitodika azy Saoly, dia niondrika tamin' ny tany Davida ka niankohoka. **9** Ary hoy Davida tamin' i Saoly: Nahoana ianao no maka vavan' olona hoe: Indro, Davida mitady hanisy ratsy anao? **10** Indro, hitan' ny masonao androany ny nanoloran' i Jehovah anao ho eo an-tanako tao an-johy; ary nisy nilaza hevitra hamonoana anao, saingy niantra anao ny masoko, ka hoy izaho: Tsy haninjitra ny tanako amin' ny tompoko aho, fa voahosotr' i Jehovah izy. **11** Ary koa, ry ikaky ô, jereo dia jereo ange ny sisin' ny kapôtinao etỳ an-tanako; fa raha nanapaka ny sisin' ny kapôtinao aho, fa tsy nahafaty anao, dia izahao ka fantaro fa tsy misy faharatsiana na fahadisoana amin' ny tanako, ary tsy nanota taminao aho, nefa ianao kosa mihaza ny aiko mba hahafaty azy. **12** Jehovah no hitsara ahy sy ianao, ary Jehovah no hamaly anao noho ny amiko, fa ny tanako tsy mba haninona anao. **13** Araka ny lazain' ny ohabolan' ny ntaolo hoe: Avy amin' ny ratsy fanahy no ivoahan' ny ratsy, nefa ny tanako tsy haninona anao. **14** Hitady an' iza no nivoahan' ny mpanjakan' ny Isiraely? Iza no enjehinao? Amboa maty; parasy iray. **15** Aoka Jehovah no ho mpitsara, ka dia hitsara ahy sy ianao ary hijery sy handahatra ho ahy ka hanafaka ahy amin' ny tananao. **16** Ary nony vita izany teny nataon' i Davida tamin' i Saoly izany, dia hoy Saoly: Feonao va izany, ry Davida zanako ô? Ary Saoly nanandratra ny feony ka nitomany; **17** ary hoy izy tamin' i Davida: Marina noho izaho ianao; fa ianao dia nanisy soa ahy, fa izaho kosa namaly ratsy anao. **18** Ary ianao dia naneho androany ny nanaovanao soa tamiko, fa na dia natolotr' i Jehovah teo an-tananao aza aho, dia tsy nahafaty ahy ianao. **19** Fa moa raha misy olona mahazo ny fahavalony, havelany handeha soa amantsara va izy? Koa hovalian' i Jehovah soa anie ianao noho ny nataonao tamiko androany. **20** Ary, indro, ankehitriny fantatro fa ho mpanjaka tokoa ianao, ary ny fanjakan' ny Isiraely ho tafatoetra tsara eo an-tananao. **21** Koa mianiàna amiko amin' i Jehovah ianao ankehitriny fa tsy handringana ny taranako mandimby ahy ianao, ary tsy hovonoinao amin' ny mpianakavin' ny raiko ny anarako. **22** Ary Davida dia nianiana tamin' i Saoly; ary dia lasa nody Saoly, fa Davida sy ny olony kosa niakatra nankany amin' ny batery fiarovana.

25 Ary maty Samoela; ary nivory ny Isiraely rehetra ka nisaona azy sy nandevina azy tao amin' ny fonenany tao Rama. Ary Davida niainga ka nidina nankany an-efitra Parana. **2** Ary nisy lehilahy tao Maona, ary tao Karmela ny fananany; mpanjatobe ralehilahy ka nanana ondry telo arivo sy osy arivo, ary nanety ny ondriny tao Karmela izy. **3** Nabala no anaran-dralehilahy; ary Abigaila no anaran' ny vavy; vehivavy hendry sady tsara tarehy izy; fa ny lahy kosa saro-po sy ratsy amin' izay ataony; ary isan' ny taranak' i Kaleba izy. **4** Ary ren' i Davida tany an-efitra fa Nabala manety ny ondriny. **5** Dia naniraka zatovo folo lahy Davida ka nanao taminy hoe: Miakara any Karmela ianareo, ary mankanesa any amin' i Nabala, ka miarahabà azy amin' ny anarako. **6** Ary izao no holazainareo aminy: trarantitra ianao, fiadanana anie ho anao, ary fiadanana ho amin' ny ankohonanao, ary fiadanana ho amin' izay anananao rehetra. **7** Ary ankehitriny efa reko fa manety ondry ianao; koa ny mpiandry ondrinao, izay tao aminay, tsy nasianay ratsy, ary tsy nisy very na inona na inona tamin' ny andro rehetra nitoerany tao Karmela. **8** Anontanio ny zatovonao, fa hilaza aminao izy. Koa aoka hahita fitia eo imasonao ny zatovo (fa andro fifaliana no ihavianay); masìna ianao, mba omeo amin' izay azon' ny tananao ireto mpanomponao sy Davida zanakao. **9** Ary rehefa tonga ny zatovon' i Davida, dia niteny tamin' i Nabala tamin' ny anaran' i Davida araka izany teny rehetra Izany izy, ka dia nipetraka. **10** Fa Nabala namaly ny mpanompon' i Davida hoe: Inona moa Davida? Ary inona moa ny zanak' i Jese? Misy mpanompo maro ankehitriny izay milefa miala amin' ny tompony. **11** Koa halaiko va ny mofoko sy ny ranoko ary ny zavatra izay efa novonoiko ho an' ny mpanety ondriko, ka homeko izay olona tsy fantatro nihaviana akory? **12** Dia nihodina ny zatovon' i Davida ka nankany amin' izay nalehany; ary dia nody tany aminy indray izy ka nanambara izany teny rehetra izany taminy. **13** Ary hoy Davida tamin' ny olony: Samia manao ny sabatrareo eo amin' ny fehin-tsabany avy ianareo; ka dia samy nanao ny sabany teo amin' ny fehin-tsabany avy ny olona, ary dia mba nanao ny sabany teo amin' ny fehin-tsabany koa Davida; ary nisy tokony ho efa-jato lahy niakatra nanaraka an' i Davida, ary roan-jato lahy kosa nipetraka teo amin' ny entana. **14** Ary

Abigaila, vadin' i Nabala, dia nilazan' ny anankiray tamin' ny zatovony hoe: Indro, Davida naniraka olona avy tany an-efitra mba hiarahaba ny tompontsika, nefa nisafoaka tamin' ireny izy. **15** Fa ireo lehilahy ireo dia nanao tsara tokoa taminay, ka tsy naninona tsy naninona izahay, ary tsy nisy zavatra very tamin' izay andro nitoeranay tao aminy, fony tany an-tsaha izahay. **16** Izy no mandanay andro aman' alina tamin' ny andro rehetra nitoeranay niandry ondry tao aminy. **17** Koa dia fantaro sy hevero ankehitriny izay hataonao; fa ratsy no ifofoan' ny tompontsika mbamin' ny ankohonany rehetra; fa Nabala dia tena ratsy fanahy, ka tsy misy olona mahazo miteny aminy. **18** Dia nandeha faingana Abigaila ka naka mofo roan-jato sy divay eran' ny tavoara roa sy ondry dimy voavoatra sy lango indimin' ny vata sy takela-boaloboka maina zato ary ampempan' aviavy roan-jato, dia nasampiny tamin' ny boriky izany. **19** Ary hoy izy tamin' ny zatovony: Mandehana eo alohako, indro, izaho hanaraka anareo; nefa Nabala vadiny tsy mba nilazany. **20** Ary tamin' izany, nony nitaingina ny borikiny izy ka nidina tao amin' ny takon' ny havoana, dia indro, Davida sy ny olony nidina nanatona azy, ary izy nifanena taminy. **21** Ary Davida efa nilaza hoe: Foana tokoa ny an-efitra, ka tsy nisy very na inona na inona; fa novaliany ratsy ny soa nataoko. **22** Mba hataon' Andriamanitra toy izany anie ny fahavalon' i Davida, eny, mihoatra noho izany aza, raha dia havelako hisy miangana na dia lehilahy iray aza izay mety ho azy ambara-pahazavan' ny andro. **23** Ary Abigaila, raha nahita an' i Davida, dia niala faingana tamin' ny boriky ary niankohoka teo anatrehan' i Davida ka nitsaoka azy. **24** Dia niankohoka tamin' ny tongony izy ka nanao hoe: Aoka ho ahy dia ho ahy ity heloka ity, tompokolahy; masìna ianao, avelao ny ankizivavinao hiteny eto anatrehanao, ka henoy ny tenin' ny ankizivavinao. **25** Masìna ianao, aoka ny tompoko tsy hisaina io Nabala lehilahy tena ratsy fanahy io, fa araka ny anarany ihany no toeny; Nabala no anarany, ary hadalana no ao aminy; fa izaho ankizivavinao, tompoko, tsy mba nahita ny zatovo nirahinao. **26** Koa ankehitriny, tompoko, raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny fanahinao, Jehovah efa niaro anao tsy hahazo heloka amin' ny fandatsahan-drà ary tsy hamaly ho an' ny tenanao; ary avelao ny fahavalonao sy izay mitady hanisy ratsy anao, tompoko, ho tahaka an' i Nabala. **27** Ary izao saotra nentin' ny ankizivavinao aminao izao, tompoko, dia aoka homena ny zatovo manaraka ny Tompoko. **28** Masìna ianao, mamelà ny fahadisoan' ny ankizivavinao, fa Jehovah hampaharitra ny taranaky ny tompoko tokoa; fa ny tompoko miady ny adin' i Jehovah, ary tsy misy ratsy ho hita aminao amin' ny andro rehetra iainanao. **29** Nefa raha misy olona mitsangana hanenjika anao ka mitady ny ainao, dia hofehezina amin' ny fehin' aina ao amin' i Jehovah Andriamanitra ny fanahin' ny tompoko, fa ny fanahin' ny fahavalonao kosa dia hatorany toy ny eo amin' ny foitran' antsamotady. **30** Ary amin' izany, raha Jehovah mahavita amin' ny tompoko araka ny soa rehetra nilazany anao ka manendry anao ho mpanapaka ny Isiraely, **31** dia tsy ho alahelo na ho nenina amin' ny fon' ny tompoko izany, fa tsy nandatsa-drà foana ianao, na namaly ho an' ny tenanao, tompoko; fa rehefa asian' i Jehovah soa ny tompoko, dia mba tsarovy aho ankizivavinao. **32** Ary hoy Davida tamin' i Abigaila: Isaorana anie Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, Izay naniraka anao hihaona amiko androany. **33** Ary hotahiny anie ny fahendrenao, ary hotahiny anie ianao, izay niaro ahy androany tsy hahazo heloka amin' ny fandatsahan-drà ary tsy hamaly ho an' ny tenako. **34** Kanefa, raha velona koa Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, Izay niaro ahy tsy hanisy ratsy anao, raha tsy avy faingana hitsena ahy ianao toy izay, dia efa tsy nasiako niangana na dia lehilahy iray aza amin' i Nabala ambara-pahazavan' ny andro. **35** Ka dia noraisin' i Davida teny an-tànany ilay zavatra nentiny, ary hoy izy taminy: Miakara soa aman-tsara ho any an-tranonao ianao; indro, efa nohenoiko ny feonao, ary nankasitrahako ianao. **36** Ary Abigaila dia tonga tao amin' i Nabala; kanjo, indro, nanao fanasana tao an-tranony izy tahaka ny fanasan' ny mpanjaka, ary faly ny fon' i Nabala tamin' izany, ary mamo loatra izy, ka dia tsy nisy nambaran' ny vavy taminy, na kely na be mandra-pahazavan' ny andro. **37** Ary nony maraina, ka afaka ny hamamoan' i Nabala, dia nambaran' ny vavy taminy izany zavatra izany, ka dia matihena ny fony ka tonga tahaka ny vato. **38** Ary nony afaka hafoloana, dia nasian' i Jehovah Nabala, ka dia maty izy. **39** Ary nony ren' i Davida fa maty Nabala, dia hoy izy: Isaorana anie Jehovah izay niady ho ahy ka nahafa-tondromaso ahy tamin' i Nabala sy niaro ny mpanompony tsy hahatanteraka ny ratsy; fa ny ratsy nataon' i Nabala dia nampodin' i Jehovah ho eo an-dohany ihany. Ary Davida naniraka hiresaka amin' i Abigaila hila azy ho vady. **40** Ary nony tonga tany amin' i Abigaila teo Karmela ny mpanompon' i Davida, dia hoy izy: Davida naniraka anay hankatỳ aminao hila anao ho vadiny. **41** Dia nitsangana izy ary niankohoka tamin' ny tany ka nanao hoe: Indro, aoka ny ankizivavinao ho mpanompo hanasa ny tongotry ny mpanompon' itompokolahy. **42** Ary Abigaila nitsangana faingana ka nitaingina boriky, ary ankizivaviny dimy no nanaraka azy; dia nanaraka ny irak' i Davida izy, ka dia novadiny. **43** Ary Davida efa nanambady an' i Ahinoama avy any Jezirela koa; ary samy novadiny avokoa izy roa vavy. **44** Fa Saoly efa nanome an' i Mikala, zananivavy, vadin' i Davida, ho vadin' i Palty, zanak' i Laisy, avy any Galima.

26 Ary ny Zifita tonga tao amin' i Saoly tany Gibea ka nanao hoe: Tsy miery any amin' ny havoana Hakila manandrify ny efitra va Davida? **2** Dia niainga Saoly nidina nankany an-efitr' i Zifa, nitondra telo arivo lahy voafantina tamin' ny Isiraely hanaraka azy hitady an' i Davida any an-efitr' i Zifa. **3** Ary nitoby tao amin' ny havoana Hakila manandrify ny efitra teo amoron-dalana izy. Fa Davida kosa nitoetra tany an-efitra, ary hitany fa tonga nanaraka azy tany an-efitra Saoly. **4** Dia naniraka mpisafo Davida, ka fantany fa tonga tokoa Saoly. **5** Dia niainga Davida ka tonga teo amin' ny nitobian' i Saoly; ary hitan' i Davida izay nandrian' i Saoly sy Abnera, zanak' i Nera, komandin' ny miaramilany; fa Saoly nandry teo anatin' ny sehatra-sariety, sady nitoby nanodidina azy ny vahoaka. **6** Ary hoy

Davida tamin' i Ahimeleka Hetita sy Abisay, zanak' i Zeroia, rahalahin' i Joaba; Iza no hidina hiaraka amiko ho any amin' i Saoly any an-toby? Dia hoy Abisay: Izaho hidina hiaraka aminao. **7** Ary tonga tao amin' ny vahoaka Davida sy Abisay nony alina; ary, indro, Saoly nandry ka natory teo anatin' ny sehatra-sariety, ary ny lefony nitsatoka amin' ny tany teo anilan' ny lohany; fa Abnera sy ny vahoaka nandry manodidina azy. **8** Ary hoy Abisay tamin' i Davida: Efa voahidin' Andriamanitra eo an-tananao ny fahavalonao izao; koa, masìna ianao, aoka holefoniko indray mandeha monja hataoko miboroaka amin' ny tany izy, fa tsy hamely azy indroa akory aho. **9** Fa hoy Davida tamin' i Abisay: Aza mamono azy; fa iza no maninjitra ny tànany tamin' ny voahosotr' i Jehovah ka tsy nanan-tsiny? **10** Ary hoy koa Davida: Raha velona koa Jehovah, dia aoka Jehovah no hamely azy; na ho tonga ny androny, ka ho faty izy; na hirotsaka ho amin' ny ady izy, ka any no hahafaty azy. **11** Sanatria amiko eo anatrehan' i Jehovah, raha haninjitra ny tanako hamely ny voahosotr' i Jehovah aho; fa masìna ianao, ny lefona eo anilan' ny lohany sy ny tavoara fitondran-drano no alao, dia andeha isika handeha. **12** Dia nalain' i Davida ny lefona sy ny tavoara izay teo anilan' ny lohan' i Saoly ka dia lasa izy, ary tsy nisy olona nahita, na nahalala, na nahatsiaro; fa natory izy rehetra, satria nataon' i Jehovah renoky ny torimaso izy. **13** Dia nita nankeny an-dafin-tsaha Davida ka nijanona teo an-tampon' ny tendrombohitra lavidavitra (lavidavitra ihany ny elanelan' izy roa tonta); **14** ary Davida niantso ny olona sy Abnera, zanak' i Nera, hoe: Tsy mamaly va ianao, ry Abnera? Ary Abnera dia namaly hoe: Iza moa ianao, no miantso ho re eto anatrehan' ny mpanjaka? **15** Ary hoy Davida tamin' i Abnera: Tsy lehilahy mahery va ianao, ary iza no tahaka anao amin' ny Isiraely? Koa nahoana ianao no tsy miambina ny mpanjaka tomponao? fa nisy anankiray tamin' ny olona tonga teo hamono ny mpanjaka tomponao. **16** Tsy mety izany nataonao izany. Raha velona koa Jehovah, dia tokony ho faty ianareo, satria tsy miambina ny tomponareo, ilay voahosotr' i Jehovah Ary izahao ange, fa aiza moa ny lefon' ny mpanjaka sy ny tavoara fitondran-drano teo anilan' ny lohany? **17** Ary fantatr' i Saoly ny feon' i Davida ka hoy izy: Feonao moa izany, ry Davida zanako? Ary hoy Davida: Feoko tokoa, ry mpanjaka tompoko. **18** Ary hoy koa izy: Nahoana ny tompoko no manenjika ny mpanompony? Inona no nataoko, ary inona no ratsy amin' ny tanako? **19** Ary ankehitriny masìna ianao, ry mpanjaka tompoko, mihainoa ny tenin' ny mpanomponao. Raha Jehovah no nanesika anao hamely ahy, dia aoka handray fanatitra mani-pofona Izy; fa raha zanak' olona kosa, dia aoka ho voaozona eo anatrehan' i Jehovah izy, satria efa nandroaka ahy androany tsy hanana anjara amin' ny lova nomen' i Jehovah izy ka nanao hoe: Mandehana, manompoa andriamani-kafa. **20** Koa aza avela ho latsaka amin' ny tany lavitra an' i Jehovah ny rako; fa ny mpanjakan' ny Isiraely nivoaka nitady parasy iray, tahaka ny manenjika tsipoy eny an-tendrombohitra. **21** Ary hoy Saoly: Efa nanota aho: miverena, ry Davida zanako, fa tsy hanisy ratsy anao intsony aho, fa soa teo imasonao ny aiko androany; indro, efa nanao adala aho ka diso indrindra. **22** Ary Davida namaly hoe: Indro ny lefon' ny mpanjaka! koa asaovy misy zatovo anankiray mankety haka azy. **23** Ny lehilahy izay nanoloran' i Jehovah anao teo an-tànany androany dia hovaliany araka ny fahitsiany sy ny fahamarinany, fa tsy nety naninjitra ny tanako hamely ny voahosotr' i Jehovah aho. **24** Ary, indro, fa tahaka ny nanaovako ny aina ho lehibe androany no mba hanaovan' i Jehovah ny aiko ho lehibe kosa ka hanafahany ahy amin' ny fahoriana rehetra. **25** Ary hoy Saoly tamin' i Davida: Hotahina anie ianao, ry Davida zanako; hanao dia hanao ianao sady hahatontosa. Dia lasa Davida, fa Saoly kosa nitodi-doha hiverina.

27 Ary Davida nanao anakampo hoe; Mbola ho fatin' ny tànan' i Saoly ihany aho indray androany; tsy misy mahasoa ahy afa-tsy ny mandositra haingana any amin' ny tanin' ny Filistina, dia hamoy ahy Saoly ka tsy hitady ahy eran' ny tanin' ny Isiraely intsony, dia ho afaka amin' ny tànany aho. **2** Ary niainga Davida nandeha mbamin' ny enin-jato lahy nanaraka azy nankany amin' i Akisy, zanak' i Maoka, mpanjakan' i Gata. **3** Ary nitoetra tao amin' i Akisy tao Gata Davida, dia izy sy ny olony, samy nomban' ny ankohonany avy, ary Davida mbamin' ny adiny roa, dia Ahinoama Jezirelita sy Abigaila Karmelita, ilay novinadin' i Nabala. **4** Ary nambara tamin' i Saoly fa Davida efa nandositra nankany Gata, ka dia tsy nitady azy intsony izy. **5** Ary hoy Davida tamin' i Akisy: Raha mahita fitia eo imasonao aho, aoka mba homena fonenana ao amin' ny tanàna anankiray any an-tsaha aho mba honenako any, fa nahoana ny mpanomponao no hitoetra aminao eto amin' ny renivohitry ny fanjakana? **6** Dia nomen' i Akisy azy androtrizay Ziklaga; ka dia an' ny mpanjakan' ny Joda ambaraka androany Ziklaga. **7** Ary ny andro nitoeran' i Davida tany amin' ny tanin' ny Filistina dia herintaona sy efa-bolana. **8** Ary Davida sy ny olony niakatra ka nanafika ny Gesorita sy ny Gizrita ary ny Amalekita; fa ireo nonina tamin' ny tany hatrizay ela izay, dia hatrany akaikin' i Sora, hatramin' ny tany Egypta. **9** Ary Davida namely ny tany, ka tsy nisy novelominy na lehilahy na vehivavy, sady namabo ondry aman' osy sy omby sy boriky sy rameva ary fitafiana izy, dia niverina nankany amin' i Akisy. **10** Ary hoy Akisy: Moa tsy nanafika va ianareo androany? Dia hoy Davida: Nanafika ny tany atsimo izay an' i Joda sy izay an' ny Jeramelita ary izay an' ny Kenita izahay. **11** Ary tsy nisy novelomin' i Davida ho entiny any Gata, na lehilahy na vehivavy; fa hoy izy: Andrao izahay lazainy hoe: Toy izany no nataon' i Davida, ary toy izany no fanaony tamin' ny andro rehetra nitoerany tany amin' ny tanin' ny Filistina. **12** Ary Akisy nino an' i Davida ka nanao hoe: Efa nampangidy hoditra ny tenany any amin' ny Isiraely olony izy, ka dia ho mpanompoko mandrakizay.

28 Ary tamin' izany andro izany ny Filistina dia namory ny miaramilany hanafika ny Isiraely. Ary hoy Akisy tamin' i Davida: Aoka ho fantatrao tsara fa hiara-mivoaka amiko hanafika ianao sy ny olonao. **2** Ary hoy Davida tamin' i Akisy: Amin' izao dia ho fantatrao tokoa izay hain' ny

mpanomponao hatao. Ary hoy Akisy tamin' i Davida: Noho izany dia hataoko mpiaro ny lohako mandrakizay ianao. **3** (Ary efa maty Samoela, ka ny Isiraely rehetra efa nisaona azy sy nandevina azy tao Rama, dia tao an-tanànany. Ary efa noroahin' i Saoly hiala amin' ny tany izay nanao azy ho tsindrian-javatra sy ny mpanao hatsarana.) **4** Ary ny Filistina nivory, dia tonga ka nitoby tao Sonema; fa Saoly namory ny Isiraely rehetra, ka nitoby tao Gilboa kosa ireo. **5** Ary Saoly, raha nahita ny miaramilan' ny Filistina, dia raiki-tahotra sady niemponempona ny fony. **6** Ary Saoly dia nanontany tamin' i Jehovah, fa Jehovah tsy namaly azy, na tamin' ny nofy, na tamin' ny Orima, na tamin' ny mpaminany. **7** Ary hoy Saoly tamin' ny mpanompony: Itadiavo vehivavy manao azy ho tsindrian-javatra aho hankanesako any hanontaniako aminy. Ary hoy ny mpanompony taminy: Indro, misy vehivavy manao azy ho tsindrian-javatra eo Andora. **8** Dia nanova tarehy Saoly ka nitafy fitafiana hafa, dia nandeha izy sy ny olona roa lahy nanaraka azy ka tonga tao amin-dravehivavy nony alina; ary hoy izy: Masìna ianao, manaova fankatovana ho ahy amin' ny zavatra manindry anao, ka ampiakaro ho etỳ amiko izay hotononiko aminao. **9** Ary hoy ravehivavy taminy: Indro, fantatrao izay nataon' i Saoly, dia ny nandroahany ny manao azy ho tsindrian-javatra sy ny mpanao hatsarana hiala amin' ny tany, ka nahoana ianao no mamandrika ny aiko hahafaty ahy? **10** Ary Saoly nianiana tamin' i Jehovah ka nanao taminy hoe: Raha velona koa Jehovah, dia tsy hisy heloka hahazo anao amin' izao zavatra izao. **11** Dia hoy ravehivavy: Iza ary no hampiakariko ho eto aminao? Ary hoy izy: Samoela no ampiakaro ho etỳ amiko. **12** Ary hitan-dravehivavy Samoela, dia nidradradradra tamin' ny feo mafy izy ka nanao tamin' i Saoly hoe: Nahoana no namitaka ahy ianao? fa ianao no Saoly. **13** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Aza matahotra; fa inona no hitanao? Ary hoy ravehivavy tamin' i Saoly: Andriamanitra miakatra avy amin' ny tany no hitako. **14** Ary hoy izy taminy: Manao ahoana no endriny? Dia hoy izy: Lehilahy antitra no miakatra sady mikapôty izy. Ary fantatr' i Saoly fa Samoela izay, dia niondrika tamin' ny tany izy ka niankohoka. **15** Ary hoy Samoela tamin' i Saoly: Nahoana no korontaninao aho ka ampiakarinao? Dia hoy Saoly: Tery loatra aho, fa miady amiko ny Filistina, ary Andriamanitra efa nahafoy ahy ka tsy mamaly teny ahy intsony, na amin' ny mpaminany, na amin' ny nofy; koa izany no nampanalako anao mba hampahalalanao ahy izay hataoko. **16** Ary hoy Samoela: Nahoana no manontany amiko ianao, nefa Jehovah efa mahafoy anao ka tonga fahavalonao. **17** Fa Jehovah efa nanao ho Azy araka ny nampilazainy ahy; fa efa nendahany hiala amin' ny tananao ny fanjakana ka nomeny an' i Davida namanao. **18** Satria tsy nihaino ny feon' i Jehovah ianao ka tsy nahatanteraka ny fahatezerany mirehitra tamin' ny Amalekita, dia izany no nanaovan' i Jehovah izao zavatra izao taminao androany. **19** Ary hiaraka hatolotr' i Jehovah ho eo an-tànan' ny Filistina ny tenanao sy ny Isiraely; ary rahampitso dia ho etỳ amiko ianao sy ny zanakao; ary ny miaramilan' ny Isiraely koa dia hatolotr' i Jehovah eo an-tànan' ny Filistina. **20** Dia lavo niampatra tamin' ny tany niaraka tamin' izay Saoly ka raiki-tahotra indrindra noho ny tenin' i Samoela; sady efa tsy nisy hery intsony izy, satria tsy nihinan-kanina indray andro sy indray alina maninjitra. **21** Ary nankao amin' i Saoly ravehivavy ka nahita azy ory indrindra, dia nanao taminy hoe: Indro, ny ankizivavinao nihaino ny feonao, dia nanao ny aiko tsy ho zavatra aho ka nihaino ny teninao izay nolazainao tamiko. **22** Koa ankehitriny, masìna ianao, mba henoy kosa ny tenin' ny ankizivavinao, ary aoka aho handroso sombin-kanina kely eo anoloanao; dia hano izany mba hahatanjaka anao, raha handeha amin' ny alehanao ianao. **23** Fa tsy nety izy, fa hoy izy: Tsy hihinana aho. Fa ny mpanompony sy ravehivavy mbola nanery azy ihany, ka dia nihaino ny feony izy. Dia nitsangana izy ka nipetraka teo am-parafara. **24** Ary ravehivavy nanana zanak' omby mifahy tao an-trano; dia nandeha haingana izy ka namono izany, ary naka koba izy, dia nofetafetainy ka nendasiny ho mofo tsy misy masirasira. **25** Ary narosony teo anoloan' i Saoly sy teo anoloan' ny mpanompony izany; dia nihinana izy ireo, ary dia niainga ka lasa nandeha tamin' iny alina iny ihany.

29 Ary ny Filistina dia namory ny miaramilany rehetra ho ao Afeka; fa ny Isiraely kosa nitoby teo anilan' ny loharano ao Jezirela. **2** Ary ireo andrianan' ny Filistina nandroso nitarika ny miaramilany isan-jato sy isan' arivo; fa Davida sy ny olony kosa nandroso teo aoriana niaraka tamin' i Akisy. **3** Ary hoy ireo andrianan' ny Filistina: Haninona moa ireto Hebreo ireto? Ary hoy Akisy tamin' ireo andrianan' ny Filistina: Tsy io va no Davida, mpanompon' i Saoly, mpanjakan' ny Isiraely, ilay tatỳ amiko elaela ihany izay, ary tsy hitako izay tsininy hatrizay nialany niandany tamiko ka mandraka androany? **4** Dia tezitra taminy ireo andrianan' ny Filistina ka nanao taminy hoe: Avereno ihany ilehio ho any amin' ny fonenany izay efa nomenao azy, fa aza avela hidina hiaraka amintsika hiady izy, fandrao ho tonga fahavalontsika raha miady; fa amin' inona no hahazoan' io sitraka amin' ny tompony? Tsy amin' ny lohan' ireto olona ireto va? **5** Tsy io moa no Davida, izay nandihizany sy nanaovany hira mifamaly hoe: "Saoly nahafaty arivoarivo, Fa Davida nahafaty alinalina?" **6** Ary Akisy niantso an' i Davida ka nanao taminy hoe: Raha velona koa Jehovah, marina ianao, sady sitrako ny iarahanao miditra sy mivoaka amiko eto an-toby, fa tsy hitako izay tsininao hatrizay nahatongavanao teto amiko ka mandraka androany; nefa kosa tsy sitrak' ireo andriana ireo ianao. **7** Koa miverena, ary mandehana soa aman-tsara, mba tsy hanaovanao izay tsy sitrak' ireo andrianan' ny Filistina. **8** Fa hoy Davida tamin' i Akisy: Inona no nataoko, ary inona no hitanao tamin' ny mpanomponao hatrizay nitoerako tatỳ aminao ka mandraka androany, no tsy hahazoako mandeha hiady amin' ny fahavalon' ny mpanjaka tompoko? **9** Ary Akisy namaly an' i Davida hoe: Fantatro fa tsara eo imasoko tahaka ny anjelin' Andriamanitra ianao; nefa ireo andrianan' ny Filistina no nanao hoe: Tsy hiara-miakatra amintsika hiady izy. **10** Koa mifohaza maraina koa ianao mbamin' ny mpanompon' ny tomponao izay nanaraka anao; ary rehefa nifoha maraina ianareo, ka mazava ny andro, dia

mandehana. **11** Ary Davida sy ny olony nifoha maraina koa handeha maraina hiverina any amin' ny tanin' ny Filistina. Ary ny Filistina dia niakatra nankany Jezirela.

30 Ary nony tonga teo Ziklaga Davida sy ny olony tamin' ny andro fahatelo, dia, indro, ny Amalekita efa nanafika ny tany atsimo sy Ziklaga ka namely an' i Ziklaga sy nandoro azy tamin' ny afo; **2** ary efa namabo ny vehivavy sy izay rehetra tao izy, na lehibe na kely, nefa tsy nisy novonoiny na dia iray aza; fa nentiny ho babo ireo, ka lasa nandeha izy. **3** Ary Davida sy ny olony tonga tao amin' ny tanàna, ary, indro, efa levon' ny afo ny tanàna; ary ny vadiny mbamin' ny zananilahy sy ny zananivavy efa lasan-ko babo. **4** Ary Davida sy ny mpanaraka azy dia nanandratra ny feony nitomany ambara-paha-tsy nahatomany intsony izy. **5** Ary voababo koa izy roa vavy vadin' i Davida, dia Ahinoama Jezirelita sy Abigaila, ilay novinadin' i Nabala Karmelita. **6** Ary ory indrindra Davida, fa ny olona nifampitaona hitora-bato azy, satria samy nalahelo ny zananilahy sy ny zananivavy ny olona rehetra; fa Davida kosa nampahery ny tenany tamin' i Jehovah Andriamaniny. **7** Ary hoy Davida tamin' i Abiatara mpisorona, zanak' i Ahimeleka: Masìna ianao, ento etỳ amiko ny efoda. Dia nentin' i Abiatara teo amin' i Davida ny efoda. **8** Ary Davida nanontany tamin' i Jehovah hoe: Henjehiko va izany jirika izany? Ho tratro va izy? Dia namaly azy Jehovah hoe: Enjeho izy, fa ho tratranao tokoa ary ho rarakao. **9** Dia lasa Davida sy ny enin-jato lahy izay nanaraka azy ka tonga teo amin' ny renirano Besora, ary teo no nijanonan' ny sasany. **10** Ary Davida sy ny efa-jato lahy no nanenjika; fa ny roan-jato lahy kosa, izay reraka ka tsy afaka nita ny renirano Besora, dia nijanona tany aoriana. **11** Ary nahita lehilahy Egyptiana tany an-tsaha ny olona, ka nentiny tany amin' i Davida; ary nomeny hanina ralehilahy, ka nihinana izy, ary nampisotroiny rano koa izy. **12** Ary nomeny ampempan' aviavy iray didy sy voaloboka maina roa sampaho izy; ary rehefa nihinana izy, dia nody indray ny ainy; fa hateloan' andro sy hateloan' alina izy tsy nihinan-kanina na nisotro rano. **13** Ary hoy Davida taminy: An' iza moa ianao, ary avy taiza? Ary hoy izy: Zatovo Egyptiana, mpanompon' ny Amalekita anankiray, aho; ary narian' ny tompoko aho, fa narary afaka omaly. **14** Izahay efa nanafika ny tany atsimo izay an' ny Keretita sy ny an' i Joda ary ny tany atsimo izay an' i Kaleba ary nandoro an' i Ziklaga tamin' ny afo. **15** Ary hoy Davida taminy: Hitondra ahy midìna ho amin' izany jirika izany va ianao? Ary hoy izy: Mianiàna amiko amin' Andriamanitra fa tsy hamono ahy ianao na hanolotra ahy ho eo an-tànan' ny tompoko, dia hitondra anao midìna ho amin' izany jirika izany aho. **16** Ary nony nentiny nidina izy, indreo, miely eran' ny tany izy ka homana sy misotro ary milanona noho ny haben' ny babo rehetra izay azony tamin' ny tanin' ny Filistina sy ny tanin' ny Joda. **17** Ary Davida namely azy tamin' iny takariva iny ka hatramin' ny ampitso hariva; ary tsy nisy olona afaka, afa-tsy zatovo efa-jato lahy izay nitaingina rameva ka nandositra. **18** Dia rarak' i Davida izay rehetra efa nobaboin' ny Amalekita; ary dia azon' i Davida koa ny vadiny roa. **19** Ary tsy nisy zavatra tsy azony, na kely na be, na zazalahy na zazavavy, na inona na inona tamin' izay nobaboin' ireny; izany rehetra izany dia azon' i Davida avokoa. **20** Ary Davida naka ny ondry aman' osy sy ny omby rehetra; ary nentiny nialoha ny omby hafa ireo, sady nisy niantso hoe: Itony no babon' i Davida. **21** Ary Davida tonga teo amin' ny roan-jato lahy, izay reraka ka tsy afaka nanaraka azy, fa najanony teo amin' ny renirano Besora; ary dia nandeha ireo hitsena an' i Davida sy ny olona nanaraka azy; ary nony tonga teo akaikin' ny olona Davida, dia nanontany izay toeny. **22** Dia niteny ny olona sompatra sy tena ratsy fanahy rehetra avy nanaraka an' i Davida ka nanao hoe: Satria tsy mba niaraka tamintsika ireo, dia tsy hanomezantsika azy ny babo izay azontsika, afa-tsy ny vadiny aman-janany isany avy; fa ireo no aoka ho entiny, dia handeha izy. **23** Fa hoy Davida: Aza manao izany amin' izay nomen' i Jehovah antsika, ry rahalahy; fa niaro antsika Izy, ary natolony teo an-tanantsika ny jirika izay tonga namely antsika. **24** Koa iza no hanaiky anareo amin' izany? Fa tahaka ny anjaran' izay nidina hiady ihany no ho anjaran' izay nitoetra tamin' ny entana: hiara-misalahy izy. **25** Dia izany no fanao hatramin' izany andro izany, ka dia natao didy sy lalàna tamin' ny Isiraely izany ambaraka androany. **26** Ary raha tonga tao Ziklaga Davida, dia mba nanaterany ho an' ny loholon' ny Joda sakaizany ny babo ka nataony hoe: Inty izay saotra ho anareo avy amin' ny babo azo tamin' ny fahavalon' i Jehovah, **27** dia ho an' izay ao Betela sy izay any Ramata amin' ny tany atsimo sy ho an' izay ao Jatira **28** sy ho an' izay ao Aroera sy ho an' izay ao Sifmota sy ho an' izay ao Estemoa **29** sy ho an' izay ao Rakala sy ho an' izay any an-tanànan' ny Jeramelita sy ho an' izay any an-tanànan' ny Kenita **30** sy ho an' izay ao Horma sy ho an' izay ao Korasana sy ho an' izay ao Ataka **31** sy ho an' izay ao Hebrona ary ho an' izay any amin' ny tany rehetra nandehandehanan' i Davida sy ny olony.

31 Ary ny Filistina niady tamin' ny Isiraely, ary nandositra teo anoloan' ny Filistina ny lehilahy amin' ny Isiraely, ary niampatrampatra teny an-tendrombohitra Gilboa ny faty. **2** Ary ny Filistina nanenjika mafy an' i Saoly sy ny zanany, ka matin' ny Filistina Jonatana sy Abinadaba ary Malkisoa, zanak' i Saoly. **3** Ary mafy ny ady tamin' i Saoly, dia nifanehatra tamin' ny mpandefa tsipìka izy; ary raiki-tahotra indrindra izy noho ny mpandefa tsipìka. **4** Ary hoy Saoly tamin' ny mpitondra ny fiadiany: Tsoahy ny sabatrao, ka tsatohy miboroaka aho, fandrao avy irery tsy mifora irery ka hotsatohany miboroaka aho, dia hataony ho fihomehezana. Nefa tsy nety ny mpitondra ny fiadany, fa natahotra loatra izy. Dia nalain' i Saoly ny sabatra ka nianjerany. **5** Ary rehefa hitan' ny mpitondra ny fiadiany fa maty Saoly, dia mba nianjera tamin' ny sabany koa izy ka niara-maty taminy. **6** Ka dia niara-maty androtrizay ihany Saoly sy ny zanany telo lahy sy ny mpitondra ny fiadiany ary ny olony rehetra. **7** Ary nony hitan' ny lehilahy amin' ny Isiraely teny an-dafin' ny lohasaha sy teny an-dafin' i Jordana fa nandositra ny lehilahy amin' ny Isiraely, ary maty Saoly sy ny zanany, dia niala tao an-tanàna izy ka

nandositra; ary dia tonga ny Filistina ka nonina tao. **8** Ary nony ampitso, raha tonga haka ny zavatra teo amin' ny maty ny Filistina, dia nahita an' i Saoly sy ny zanany telo lahy niampatrampatra teo an-tendrombohitra Gilboa izy. **9** Ary notapahiny ny lohany, sady nalainy ny fiadiany, ary dia naniraka tany amin' ny tanin' ny Filistina manodidina izy hanambara izany zavatra mahafaly izany ao amin' ny tranon' ny sampiny sy amin' ny olona. **10** Dia napetrany tao amin' ny tranon' i Astarta ny fiadiany; ary ny fatiny nohomboany teo amin' ny màndan' i Beti-sana. **11** Ary nony ren' ny mponina tany Jabesi-gileada izay nataon' ny Filistina tamin' i Saoly, **12** dia niainga ny lehilahy mahery rehetra ka nandeha mandritra ny alina ary naka ny fatin' i Saoly sy ny fatin' ny zanany teo amin' ny màndan' i Beti-sana; ary tonga tao Jabesy izy ka nandoro azy tao. **13** Ary nentiny ny taolany ka naleviny tao ambanin' ilay hazo tamariska tao Jabesy, ary dia nifady hanina hafitoana izy.

2 Samoela

1 Ary nony maty Saoly, ary niverina avy namono ny Amalekita Davida, dia nitoetra indroa andro tao Ziklaga izy. **2** Ary tamin' ny andro fahatelo, indro, nisy lehilahy iray tonga avy tany amin' ny miaramilan' i Saoly, triatra ny akanjony sady nihosin-tany ny lohany; ary rehefa tonga teo amin' i Davida izy, dia niankohoka tamin' ny tany ka nitsaoka. **3** Ary hoy Davida taminy: Avy taiza moa ianao? Dia hoy izy taminy: Afaka nandositra avy tany amin' ny tobin' ny Isiraely aho. **4** Ary hoy Davida taminy: Nanao ahoana izay tany? Masìna ianao, ambarao amiko. Dia hoy izy: Ny olona nandositra tamin' ny ady, ary be koa ny miampatrampatra sy maty, ary maty koa Saoly sy Jonatana zanany. **5** Ary hoy Davida tamin' ilay zatovo niteny taminy: Ahoana no nahafantaranao fa maty Saoly sy Jonatana zanany. **6** Dia nanambara taminy ilay zatovo nanao hoe: Sendra tao an-tendrombohitra Gilboa aho, ary, indro, Saoly nitehina tamin' ny lefony; ary, indreo, ny kalesy sy ny mpitaingin-tsoavaly nanenjika azy mafy. **7** Dia niherika izy ka nahita ahy; ary niantso ahy izy, ka hoy izaho: Inty aho. **8** Ary hoy izy tamiko: Iza moa ianao? Dia hoy izaho taminy: Amalekita aho. **9** Ary hoy indray izy tamiko: Masìna ianao, hatony kely aho, ka vonoy, fa marary mivonkina ozatra aho, fa mbola ato anatiko ihany ny aiko. **10** Dia nanatona azy aho ka namono azy, satria fantatro fa tsy ho velona izy, rehefa resy, ka dia nalaiko ny satro-boninahiny teo andohany sy ny fehin-tanana teo amin' ny sandriny, ka nentiko etỳ amin' ny tompoko izany. **11** Dia noraisin' i Davida ny fitafiany ka notriariny: ary dia mba nanao toy izany koa ny olona rehetra teo aminy. **12** Ary nisaona sy nitomany sy nifady hanina ambara-paharivan' ny andro izy noho ny amin' i Saoly sy Jonatana zanany sy ny olon' i Jehovah ary ny taranak' Isiraely, satria lavon-tsabatra ireny. **13** Ary hoy Davida tamin' ilay zatovo nanambara taminy: Avy aiza ianao? Ary hoy izy: Zanaky ny vahiny Amalekita aho. **14** Dia hoy Davida taminy: Nahoana ianao no tsy natahotra haninjitra ny tananao hamono ny voahosotr' i Jehovah? **15** Dia niantso zatovo anankiray Davida ka nanao hoe: Hatony io, ka vonoy; dia nasiany izy ka maty. **16** ary hoy Davida taminy: Aoka ny ràvao ho eo amin' ny lohanao, satria ny vavanao ihany no efa niampanga anao nanao hoe: Izaho no namono ny voahosotr' i Jehovah. **17** Ary Davida nisaona an' i Saoly sy Jonatana zanany tamin' izao hira fisaonana izao **18** (ary nasainy nampianarina ny taranak' i Joda ny hira atao hoe Tsipika; indro, voasoratra ao amin' ny Bokin' i Jasara izany): **19** Ilay voninahitrao, ry Isiraely, no voalefona teo amin' ny havoananao; Endrey! Lavo ny mahery! **20** Aza ambaranareo any Gata izany, Aza torinareo ho fifaliana any an-dalamben' i Askelona. Fandrao mifaly ny zanakavavin' ny Filistina. Fandrao miravoravo ny zanakavavin' ny tsy mifora. **21** Hianareo tendrombohitra Gilboa, Aza misy ando aman' orana intsony eny aminareo, na saha angalana fanatitra asandratra, satria tany no nandotoana ny ampingan' ny mahery, Dia ny ampingan' i Saoly, ka tsy nohosorana diloilo. **22** Ny tsipìkan' i Jonatana tsy nihemotra. Raha tsy nahazo ny ran' ny maty sy ny tavin' ny mahery; ary ny sabatr' i Saoly tsy mba niverina foana. **23** Saoly sy Jonatana, izay tiana sady mahatezho-tia fony fahavelony, dia tsy nosarahina na dia tamin' ny nahafatesany aza; Faingana noho ny voromahery izy ary mahery noho ny liona. **24** Ry zanakavavin' Isiraely, mitomania an' i Saoly, fa nahafinaritra ny mampitafiany jaky anareo, sady nasiany firava-bolamena ny fitafianareo. **25** Endrey! lavo teo amin' ny ady ny mahery voalefona teo amin' ny havoananao Jonatana. **26** Ory noho ny aminao aho, ry Jonatana rahalahiko; nahafinaritra ahy indrindra ianao; nahagaga ny fitiavanao ahy mihoatra noho ny fitiavan' ny vehivavy. **27** Endrey! lavo ny mahery, ary levona ny fiadiana!

2 Ary rehefa afaka izany, Davida dia nanontany tamin' i Jehovah hoe: Hiakatra ho any amin' ny tanànan' ny Joda anankiray va aho? Dia hoy Jehovah taminy: Miakara. Ary hoy Davida: Any aninona no hiakarako? Dia hoy Izy: Any Hebrona. **2** Dia niakatra nankany Davida mbamin' ny vadiny roa, dia Ahinoama Jezirelita sy Abigaila, ilay novinadin' i Nabala Karmelita. **3** Ary ny olona izay tao amin' i Davida mbamin' ny ankohonan' ireo dia samy nentiny niakatra koa, ka nonina tao amin' ny tanàna momba an' i Hebrona izy ireo. **4** Ary dia avy ny lehilahy amin' ny Joda ka nanosotra an' i Davida tao mba ho mpanjaka amin' ny taranak' i Joda. Ary nisy nanambara tamin' i Davida hoe: Ny olona any Jabesi-gileada no nandevina an' i Saoly. **5** Ary Davida dia naniraka olona hankany amin' ny mponina any Jabesi-gileada hanao aminy hoe: Hotahin' i Jehovah anie ianareo noho ny soa nataonareo tamin' i Saoly tomponareo tamin' ny nandevenanareo azy. **6** Koa haneho famindram-po sy fahamarinana aminareo anie Jehovah, sady izaho koa efa manao izao soa izao aminareo noho ny nanaovanareo izany zavatra izany. **7** Ary ankehitriny, aoka hampaherezina anie ny tananareo, ary aoka hatanjaka ianareo; fa maty Saoly tomponareo, ary izaho no nohosoran' ny firenen' i Joda ho mpanjakany. **8** Fa Abnera, zanak' i Nera, komandin' ny miaramilan' i Saoly, efa naka an' Isboseta, zanakalahin' i Saoly, ka nitondra azy nankany Mahanaima, **9** dia nampanjaka azy tamin' i Gileada sy ny Asorita sy Jezirela sy ny Efraima sy ny Benjamina ary ny Isiraely rehetra. **10** (Ary efa-polo taona no nahaveloman' Isboseta, zanak' i Saoly, fony izy vao nanjaka amin' ny Isiraely, ary roa taona no nanjakany.) Fa ny firenen' i Joda nomba an' i Davida. **11** Ary ny andro nanjakan' i Davida tao Hebrona tamin' ny taranak' i Joda dia fito taona sy enimbolana. **12** Ary Abnera, zanak' i Nera, sy ny mpanompon' Isboseta, zanak' i Saoly, niala tao Mahanaima ka nankany Gibeona. **13** Ary Joaba, zanak' i Zeroia, sy ny mpanompon' i Davida nivoaka ka nihaona tamin' ireo teo amoron' ny kamory tao Gibeona; ary samy nipetraka teo amin' ny lafin' ny kamory avy izy. **14** Ary hoy Abnera tamin' i Joaba: Masìna ianao, aoka hitsangana ny zatovo hanao kilalao eto anatrehantsika. Ary hoy Joaba; Aoka ary izy hitsangana. **15** Dia nisy nitsangana ka nita, dia roa ambin' ny folo lahy tamin' ny Benjamina, izay an' Isboseta, zanak' i Saoly,

ary roa ambin' ny folo lahy koa tamin' ny mpanompon' i Davida. **16** Ary izy rehetra samy nifanavika nifampihazondoha ka nifandefon-tehezana tamin' ny sabatra, dia niaranikarapoka; koa izany no nanaovana izany fitoerana ao Gibeona izany hoe Helkata-hazorima. **17** Ary mafy ny ady tamin' izany andro izany; ary dia resy teo anoloan' ny mpanompon' i Davida Abnera sy ny lehilahy amin' ny Isiraely. **18** Ary mba teo koa izy telo lahy zanak' i Zeroia, dia Joaba sy Abisay ary Asahela; ary Asahela dia haingantongotra tahaka ny gazela any an-efitra. **19** Ary Asahela nanenjika an' i Abnera, ka ny fandehany nanenjika an' i Abnera dia tsy nivily akory na tamin' ny ankavanana na tamin' ny ankavia. **20** Ary Abnera niherika ka nanao hoe: Hianao moa izany, no Asahela? Dia hoy izy: Izaho ity. **21** Dia hoy Abnera taminy: Mivilia ianao, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia, ary zatovo anankiray no sambory, ka baboy ho anao izay eny aminy rehetra. Fa Asahela tsy nety nivily, fa nanenjika azy ihany. **22** Ary hoy indray Abnera tamin' i Asahela: Mivilia ianao, fa aza manenjika ahy; fa hataoko inona moa izay hamely anao hikarapoka amin' ny tany, ary hataoko ahoana no fijery an' i Joaba rahalahinao? **23** Nefa tsy nety nivily ihany izy, ka dia nasian' i Abnera ny antsedefona ny kibony, ka dia niboroaka teo an-damosiny ny lefona, ary nikarapoka teo izy ka maty niaraka tamin' izay. Ary izay rehetra tonga teo amin' ilay nikarapohan' i Asahela sy nahafatesany dia nijanona. **24** Ary Joaba sy Abisay dia nanenjika an' i Abnera; ka nony tonga teo amin' ny havoana Ama izy, izay tandrifin' i Gia amin' ny lalana mankany amin' ny efitr' i Gibeona, dia maty ny masoandro. **25** Ary ny taranak' i Benjamina niangona teo amin' i Abnera ka nifoko ho iray toko ary nijanona teo an-tampon' ny havoana anankiray. **26** Ary Abnera niantso an' i Joaba hoe: Handany mandrakizay va ny sabatra? Tsy fantatrao va fa hangidy ny hiafaran' izany? Koa mandra-pahoviana no tsy hampivereninao ny olona tsy hanenjika ny rahalahiny? **27** Ary hoy Joaba: Raha velona koa Andriamanitra, raha tsy ilay teninao, dia efa lasa nody any naraina avokoa ny olona ka tsy nanenjika ny rahalahiny akory. **28** Dia nitsoka ny anjomara Joaba, ka dia nijanona ny olona rehetra, ary tsy nanenjika ny Isiraely intsony na niady taminy intsony izy. **29** Ary Abnera sy ny olony nandeha mandritra ny alina namaky ny tani-hay, dia nita an' i Jordana sy namaky an' i Bitrona rehetra, ka dia tonga tao Mahanaima izy. **30** Ary rehefa niverina Joaba avy nanenjika an' i Abnera, dia novoriny ny olona rehetra, ary sivy ambin' ny folo lahy ihany mbamin' i Asahela no tsy teo ny mpanompon' i Davida. **31** Fa ny mpanompon' i Davida efa nahafaty enim-polo sy telon-jato lahy tamin' ny Benjamita sy ny olon' i Abnera. **32** Ary Asahela dia nentiny ka naleviny tao amin' ny fasan-drainy, izay tao Betlehema. Ary Joaba sy ny olony nandeha mandritra ny alina, dia tonga tao Hebrona raha vao nazava ratsy ny andro.

3 Ary naharitra ela ny adin' ny tamingan' i Saoly sy ny tamingan' i Davida, nefa Davida nihahery, fa ny tamingan' i Saoly kosa nihahosa. **2** Ary Davida niteraka zazalahy tao Hebrona: koa Amnona, tamin' i Ahinoama Jezirelita, no lahimatoany; **3** ary Kileaba, tamin' i Abigaila, ilay novinadin' i Nabala Karmelita, no lahiaivo; ary ny fahatelo dia Absaloma, zanak' i Maka, zanakavavin' i Talmay, mpanjakan' i Gesora; **4** ary ny fahefatra dia Adonia, zanak' i Hagita; ary ny fahadimy dia Sefatia, zanak' i Abitala; **5** ary ny fahenina dia Jitreama, tamin' i Egla, vadin' i Davida. Ireo no naterak' i Davida tao Hebrona. **6** Ary raha mbola niady ny tamingan' i Davida sy ny tamingan' i Saoly, Abnera dia nampiseho hery niandany tamin' ny tamingan' i Saoly. **7** (Ary Saoly nanana vaditsindrano, Rizpa no anarany, zanakavavin' i Aia) Kanefa Isboseta niteny tamin' i Abnera hoe: Nahoana no nalainao ny vaditsindranon' ikaky? **8** Dia tezitra mafy Abnera noho ny tenin' Isboseta, ka hoy izy: Lohan' alika no miandany amin' ny Joda va aho? He! izato izaho manisy soa ny tamingan' i Saoly rainao sy ny rahalahiny sy ny sakaizany izao ka tsy nanolotra anao ho eo an-tànan' i Davida, nefa aho izao helohinao noho ny amin' iny vehivavy iny? **9** Hataon' Andriamanitra amin' i Abnera anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha tsy hataoko aminy araka ny nianianan' i Jehovah tamin' i Davida, **10** ka hampiala ny fanjakana amin' ny tamingan' i Saoly aho ary hampitoetra ny seza fiandrianan' i Davida amin' ny Isiraely sy amin' ny Joda hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba. **11** Dia tsy nahavaly an' i Abnera intsony izy noho ny tahony azy. **12** Ary Abnera dia naniraka olona tany amin' i Davida niaraka tamin' izay hanao hoe: An' iza ny tany? Ary koa hoe: Manaova fanekena amiko, ary, indro, ny tanako homba anao hampanaiky ny Isiraely rehetra anao. **13** Dia hoy izy: Tsara izany; izaho hanao fanekena aminao; kanefa zavatra iray loha no ilaiko aminao: Tsy hahazo mihaona amiko ianao, raha tsy entinao atỳ Mikala, zanakavavin' i Saoly. **14** Ary Davida naniraka olona nankany amin' Isboseta, zanakalahin' i Saoly, hanao hoe: Omeo ahy Mikala vadiko, izay efa nifanekena ho vadiko tamin' ny mariky ny fahafatesan' ny Filistina zato lahy. **15** Ary Isboseta naniraka naka an' i Mikala tany amin' i Paltiela vadiny, zanak' i Laisy. **16** Ary io vadiny io nanaraka azy ka nitomany teny aoriany hatrany Bahorima. Fa hoy Abnera taminy: Mandehana miverina. Dia niverina izy. **17** Ary Abnera efa niteny tamin' ny loholon' ny Isiraely hoe: Efa ela izay no nitadiavanareo an' i Davida ho mpanjakanareo; **18** koa tanteraho izany ankehitriny, fa Jehovah efa nilaza an' i Davida hoe: Amin' ny tànan' i Davida mpanompoko no hamonjeko ny Isiraely oloko ho afaka amin' ny tanan' ny Filistina sy amin' ny tanan' ny fahavalony rehetra. **19** Ary Abnera efa niteny tamin' ny Benjamita koa, ary lasa izy hilaza amin' i Davida ao Hebrona koa izay rehetra tian' ny Isiraely sy ny taranak' i Benjamina rehetra hatao. **20** Dia tonga tany amin' i Davida tao Hebrona Abnera sy olona roa-polo lahy nanaraka azy. Ary nanao fanasana ho an' i Abnera sy ny olona nanaraka azy Davida. **21** Ary hoy Abnera tamin' i Davida: Hiainga aho, dia handeha hamory ny Isiraely rehetra ho etỳ aminao mpanjaka tompoko, mba hanaovany fanekena aminao ary hanjakanao amin' izay rehetra irin' ny fonao. Ary Davida nampandeha an' i Abnera; ka dia lasa soa aman-tsara izy. **22** Ary, indreo, tonga ny mpanaraka an' i Davida sy Joaba avy nitoha ka nitondra

babo be; ary efa tsy teo amin' i Davida tao Hebrona intsony Abnera, fa efa nalefany izy, ka dia lasa soa aman-tsara. **23** Nony tonga Joaba sy ny miaramila rehetra izay nanaraka azy, dia nisy nanambara tamin' i Joaba hoe: Tonga tao amin' ny mpanjaka Abnera, zanak' i Nera, nefa nalefany izy, ka dia lasa soa aman-tsara. **24** Ary Joaba nankao amin' ny mpanjaka ka nanao hoe: Inona izany nataonao izany? Nahoana no efa tonga teto aminao Abnera ka nalefanao fotsiny, ka dia afaka soa aman-tsara izy? **25** Fantatrao anefa ny amin' i Abnera, zanak' i Nera, fa hamitaka anao no nahatongavany hahalalany ny ivoahanao sy ny idiranao ary hahalalany izay rehetra ataonao. **26** Dia nivoaka Joaba avy tao amin' i Davida ka naniraka olona hanaraka an' i Abnera, ary nitondra azy niverina avy any amin' ny lavaka famoriandrano atao hoe Siraha ireo: nefa tsy fantatr' i Davida izany. **27** Ary nony niverina tao Hebrona Abnera, dia nentin' i Joaba nitanila tao anaty vavahady hiresaka aminy mangingina, kanjo nasiany tamin' ny kibony ka matiny ho todin' ny ran' i Asahela rahalahiny. **28** Ary rehefa afaka izany, dia nahare Davida, ka hoy izy: Tsy manan-keloka mandrakizay eo anatrehan' i Jehovah izaho sy ny fanjakako ny amin' ny ran' i Abnera, zanak' i Nera. **29** Hitsingerina amin' ny lohan' i Joaba sy ny tarana-drainy rehetra anie ny todin' izany; ary tsy ho tapaka amin' ny taranak' i Joaba anie ny marary mitsika, na ny boka, na ny mamahana amin' ny tehina, na ny lavon-tsabatra, na ny tsy manan-kohanina. **30** Toy izany no namonoan' i Joaba sy Abisay rahalahiny an' i Abnera noho ny namonoany an' i Asahela rahalahiny tao Gibeona tamin' ny ady. **31** Ary hoy Davida tamin' i Joaba sy ny olona rehetra izay teo aminy: Triaro ny fitafianareo, ary misikìna lamba fisaonana, ka aoka hisaona eo anolohan' i Abnera ianareo. Ary Davida mpanjaka nanaraka ny tranovorona. **32** Dia nandevina an' i Abnera tao Hebrona izy; ary ny mpanjaka nanandratra ny feony ka nitomany teo amin' ny fasan' i Abnera; ary ny vahoaka rehetra dia mba nitomany koa. **33** Ary ny mpanjaka nanao hira fisaonana an' i Abnera hoe: Tahaka ny fahafatesan' ny adala va no tokony ho nahafatesan' i Abnera? **34** Ny tananao tsy nifatotra, ary ny tongotrao tsy nigadra; Fa tahaka ny fikarapok' izay asian' ny olon-dratsy no nikarapohanao. Ary ny vahoaka rehetra dia mbola nitomany azy indray. **35** Ary izy rehetra dia avy hampihinan-kanina an' i Davida raha mbola antoandro, nefa Davida nianiana hoe: Hataon' Andriamanitra amiko anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha mba hitendry hanina na inona na inona akory aho mandra-pilentiky ny masoandro. **36** Ary azon' ny vahoaka rehetra ny hevitr' izany ka nankasitrahany, dia tahaka ny nankasitrahany izay rehetra nataon' ny mpanjaka. **37** Ka dia fantatry ny vahoaka rehetra sy ny Isiraely rehetra tamin' izany andro izany fa tsy avy tamin' ny mpanjaka no nahafaty an' i Abnera, zanak' i Nera. **38** Ary hoy ny mpanjaka tamin' ny mpanompony: Tsy fantatrareo va fa komandy sady lehilahy malaza no maty androany tamin' ny Isiraely? **39** Ary tsy mbola manankery loatra aho izao, na dia mpanjaka efa voahosotra aza; ary ireo zanak' i Zeroia ireo dia mahery sata loatra amiko; Jehovah anie hamaly izay nanao izao ratsy izao araka ny ratsy nataony.

4 Ary nony ren' ny zanakalahin' i Saoly fa maty tany Hebrona Abnera, dia niraviravy tanana izy, ary raikitahotra ny Isiraely rehetra. **2** Ary nisy roa lahy, lehiben' ny mpitohan' ny zanakalahin' i Saoly, Bana no anaran' ny iray, ary Rekaba no anaran' ny iray, samy zanak' i Rimona Berotita tamin' ny taranak' i Benjamina (fa Berota koa natao ho isan' ny an' i Benjamina; **3** ary ny Berotita nandositra nankany Gitaima, dia nivahiny tany mandraka androany). **4** Ary Jonatana, zanak' i Saoly, nanan-janakalahy malemy tongotra. Dimy taona izy, fony tonga avy tany Jezirela ny filazana ny amin' i Saoly sy Jonatana; ary nentin' ny mpitaiza azy nandositra izy; ary raha nentiny nandositra tamin' ny fahatairana izy, dia nianjera ka tonga malemy tongotra, Mefiboseta no anarany. **5** Ary Rekaba sy Bana, zanak' i Rimona Berotita, nandeha; ka rehefa nafana ny andro, dia tonga tao an-tranon' Isboseta, tamin' ilay izy nandriandry tamin' ny antoandro iny. **6** Ary niditra tao anaty trano Rekaba sy Bana rahalahiny haka vary, ka namely azy tamin' ny kibony, dia lasa nandositra. **7** Fa raha niditra tao an-trano izy roa lahy, ary Isboseta nandry teo amin' ny fandriany tao amin' ny trano fandriany dia namely azy izy roa lahy ka nahafaty azy, dia notapahiny ny lohany ka nentiny; ary nandeha mandritra ny alina namaky ny tani-hay izy. **8** Ary nitondra ny lohan' Isboseta tany amin' i Davida tao Hebrona izy ka nanao tamin' ny mpanjaka hoe: Indro ny lohan' Isboseta, zanak' i Saoly fahavalonao, izay nitady ny ainao; fa Jehovah efa namaly an' i Saoly sy ny taranany androany noho ny amin' ny mpanjaka tompoko. **9** Ary hoy Davida tamin' i Rekaba sy Bana rahalahiny, zanak' i Rimona Berotita: Raha velona koa Jehovah, Izay namonjy ahy tamin' ny fahoriana rehetra, **10** ilay nanambara tamiko hoe: Indro, maty Saoly, ka nanao ny tenany ho mpitondra teny mahafaly, dia nohazoniko ka novonoiko tao Ziklaga, hanomezako azy ny valin' ny teny mahafaly nentiny; **11** koa mainka raha misy olon-dratsy mamono lehilahy marina ao an-tranony eo am-pandriany; koa tsy hadiniko eo antananareo va ny ràny, ary tsy hofongorako tsy ho amin' ny tany intsony va ianareo **12** Ary Davida nandidy ny zatovony, dia namono azy ireo, ka notapahiny ny tanany sy ny tongony, dia nahantony teo anilan' ny kamory tao Hebrona. Fa ny lohan' Isboseta kosa dia nentina ka nalevina tao ampasan' i Abnera tao Hebrona.

5 Dia tonga tao amin' i Davida tao Hebrona ny firenen' Isiraely rehetra ka nanao hoe: Indreto izahay, fa taolanao sy nofonao. **2** Fa hatry ny fony fahiny ihany koa, raha mbola nanjaka taminay aza Saoly, dia ianao no mpitarika ny Isiraely nivoaka sy niditra; ary Jehovah efa nilaza taminao hoe: Hianao no ho mpiandry ny Isiraely oloko, ary ianao no ho mpanapaka azy. **3** Eny, tonga tao amin' ny mpanjaka tao Hebrona ny loholon' ny Isiraely rehetra, ary Davida mpanjaka nanao fanekena taminy tao Hebrona teo anatrehan' i Jehovah; ary dia nanosotra an' i Davida ho mpanjakan' ny Isiraely izy. **4** Telo-polo taona Davida fony izy vao nanjaka, ary nanjaka efa-polo taona izy. **5** Tao Hebrona no nanjakany tamin' ny Joda fito taona sy enim-bolana; ary tany Jerosalema no nanjakany tamin' ny

Isiraely sy ny Joda rehetra telo amby telo-polo taona. **6** Ary ny mpanjaka sy ny olony nankany Jerosalema hiady amin' ny Jebosita tompon-tany, ary hoy izy ireo tamin' i Davida: Tsy ho tafiditra eto ianao; fa na dia ny jamba ny mandringa aza dia hahasakana anao ka hanao hoe: Tsy ho tafiditra eto Davida. **7** Kanjo afak' i Davida ihany ny batery fiarovana, dia Ziona (Tanànan' i Davida izany). **8** Ary hoy Davida tamin' izany andro izany: Izay mamely ny Jebosita, dia aoka hananika ho eo amin' ny riana ka hamely, ny mandringa sy ny jamba izay halan' ny fon' i Davida. Koa dia mby am-pitenenana hoe: Izay jamba mandringa tsy ho tafiditra ao an-trano. **9** Dia nitoetra tao anatin' ny batery fiarovana Davida, ary ny anarany nataony hoe: Tanànan' i Davida. Ary narafitr' i Davida ny manodidina hatrany Milo mbamin' ny ao anatiny. **10** Koa dia nandroso sy nihalehibe Davida, fa Jehovah, Andriamanitry ny maro, no nomba azy. **11** Ary Hirama, mpanjakan' i Tyro, naniraka olona tany amin' i Davida nampanatitra hazo sedera ary nandefa mpandrafitra sy tambato; dia nanao trano ho an' i Davida ireo. **12** Dia fantatr' i Davida fa Jehovah efa nampitoetra azy ho mpanjakan' ny Isiraely ka nanandratra ny fanjakany noho ny amin' ny Isiraely olony. **13** Ary Davida mbola naka vaditsindrano sy vady koa tany Jerosalema, rehefa tonga avy tany Hebrona izy; ary dia nisy zanakalahy sy zanakavavy koa naterak' i Davida. **14** Ary izao no anaran' ny naterany tany Jerosalema: Samoa sy Sobaba sy Natana sy Solomona **15** sy Jibara sy Elisoa sy Nafega sy Jafia **16** sy Elisama sy Eliada ary Elifeleta. **17** Koa nony ren' ny Filistina fa efa nohosoran' ny olona ho mpanjakan' ny Isiraely Davida, dia niakatra hitady azy ny Filistina rehetra; fa raha ren' i Davida izany dia nidina tao amin' ny batery fiarovana izy. **18** Ary dia tonga ny Filistina ka nihahakahaka teny amin' ny Lohasahan' ny Refaïta. **19** Ary Davida nanontany tamin' i Jehovah hoe: Hiakatra hamely ny Filistina va aho? Hatolotrao eo antanako va izy? Dia hoy Jehovah tamin' i Davida: Miakara, fa hatolotro eo an-tananao tokoa ny Filistina. **20** Ary Davida tonga tao Bala-perazima ka namely ireo tao, dia hoy izy: Jehovah efa namaky ny fahavaloko teo anoloako hipariaka toy ny rano vaky; koa izany no nanaovany ny anaran' izany tany izany hoe Bala-perazima. **21** Ary nilaozany tao ny sampiny, ka dia lasan' i Davida sy ny olony ireny. **22** Ary niakatra indray ny Filistina ka nihahakahaka teny amin' ny Lohasahan' ny Refaïta. **23** Ary nanontany tamin' i Jehovah Davida, ka novaliany hoe: Aza mandeha; fa hodidino avy eo aoriana izy, ka ho tonga eo aminy ianao eo amin' ny tandrifin' ny hazo balsama. **24** Ary raha toa mahare fingadongadon' olona eny amin' ny tendron' ny hazo balsama ianao, dia faingàna; fa amin' izay no efa miainga mialoha anao Jehovah hamely ny miaramilan' ny Filistina. **25** Ary dia nanao araka ny nandidian' i Jehovah azy Davida ka dia namely ny Filistina hatrany Geba ka hatrao akaikin' i Gazera izy.

6 Ary novorin' i Davida indray ny lehilahy voafantina rehetra tamin' ny Isiraely, dia telo alina. **2** Dia niainga Davida sy ny olona rehetra izay nanaraka azy ka niala tany Bala-joda hampakatra ny fiaran' Andriamanitra izay niantsoana ny anaran' i Jehovah, Tompon' ny maro, Izay mipetraka amin' ny kerobima. **3** Ary nataony teo amin' ny sariety vaovao ny fiaran' Andriamanitra ka nentiny avy tao an-tranon' i Abinadaba teo an-kavoana; ary Oza sy Ahio, zanak' i Abinadaba, no nampandeha ny sariety vaovao. **4** Ary dia nentiny niala tao an-tranon' i Abinadaba teo ankavoana niaraka tamin' ny fiaran' Andriamanitra izany; ary Ahio nandeha teo alohan' ny fiara. **5** Ary Davida sy ny taranak' Isiraely rehetra nitsinjaka teo anatrehan' i Jehovah tamin' ny karazan' ny zava-maneno rehetra natao tamin' ny hazo kypreso, dia tamin' ny lokanga sy ny valiha sy ny ampongatapaka sy ny korintsana ary ny kipantsona. **6** Ary nony tonga teo amin' ny famoloan' i Nakona izy, dia naninjitra ny tanany tamin' ny fiaran' Andriamanitra Oza ka nihazona azy, satria nazeran' ny omby ny fiara. **7** Dia nirehitra tamin' i Oza ny fahatezeran' i Jehovah; ary namely azy teo Andriamanitra noho ny fahadisoany, ka dia maty teo anilan' ny fiaran' Andriamanitra izy. **8** Ary dia tezitra Davida noho ny namelezan' i Jehovah an' i Oza, ka dia nataony hoe Perez-oza ny anaran' izany tany izany mandraka androany. **9** Ary Davida natahotra an' i Jehovah tamin' izany andro izany ka nanao hoe: Nahoana no ho entina aty amiko ny fiaran' i Jehovah? **10** Ary Davida dia tsy nety namindra ny fiaran' i Jehovah ho ao aminy ao an-Tanànan' i Davida; fa naviliny ho ao an-tranon' i Obed-edoma Gatita. **11** Ary nipetraka telo volana tao an-tranon' i Obed-edoma Gatita ny fiaran' i Jehovah; ka dia notahin' i Jehovah Obed-edoma sy ny ankohonany rehetra. **12** Ary nambara tamin' i Davida mpanjaka hoe: Jehovah efa nitahy ny ankohonan' i Obed-edoma sy izay nananany rehetra noho ny fiaran' Andriamanitra. Dia nandeha Davida ka nampakatra ny fiaran' Andriamanitra tamim-pifaliana avy tao an-tranon' i Obed-edoma ho any an-Tanànan' i Davida. **13** Ary rehefa namindra inenina ny mpitondra ny fiaran' i Jehovah, dia namono omby sy zanak' omby mifahy izy hatao fanatitra. **14** Ary Davida nitsinjaka mafy dia mafy teo anatrehan' i Jehovah sady nisalotra efoda rongony fotsy. **15** Ary Davida sy ny taranak' i Isiraely rehetra nampakatra ny fiaran' i Jehovah tamin' ny hoby sy ny feon' ny anjomara. **16** Ary nony tonga teo an-Tanànan' i Davida ny fiaran' i Jehovah, dia nitsirika teo am-baravarankely Mikala, zanakavavin' i Saoly, ka nahita an' i Davida mpanjaka nibitaka sy nitsinjaka teo anatrehan' i Jehovah; ka dia nikizaka azy tao am-pony izy. **17** Ary nampiditra ny fiaran' i Jehovah ny olona ka nametraka azy teo amin' ny fitoerany tao amin' ny lay izay naorin' i Davida hitoerany; ary Davida nanatitra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana teo anatrehan' i Jehovah. **18** Ary nony voatitr' i Davida ny fanatitra dorana sy ny fanati-pihavanana, dia nitso-drano ny vahoaka tamin' ny anaran' i Jehovah, Tompon' ny maro, izy. **19** Dia nomeny mofo iray sy hena iray didy ary ampempam-boaloboka iray avy ny olona rehetra, dia ny Isiraely rehetra, na lahy na vavy. Ary dia samy nody tany an-tranony avy ny olona rehetra. **20** Ary Davida koa mba nody hitso-drano ny ankohonany. Fa Mikala, zanakavavin' i Saoly, nivoaka hitsena an' i Davida ka nanao hoe: Akory ity voninahitry ny mpanjakan' ny

Isiraely androany! ilay nanary lamba anikeheo teo imason' ny zanakavavin' ny mpanompony, tahaka ny adala manary lamba ka tsy manan-kenatra. **21** Ary hoy kosa Davida tamin' i Mikala: Teo anatrehan' i Jehovah, Izay nifidy ahy noho ny rainao sy ny ankohonany rehetra ka nanendry ahy ho mpanapaka ny Isiraely, olon' i Jehovah, eny, teo anatrehan' i Jehovah no nitsinjahako. **22** Ary mbola hivazina kokoa noho izany aza aho, ka hataoko tsinontsinona ny tenako; nefa hiaraka hanam-boninahitra amin' ireo tovovavy nantsoinao ireo kosa aho. **23** Ka dia tsy nanan-janaka intsony mandra-pahafatiny Mikala, zanakavavin' i Saoly.

7 Ary raha nipetraka tao an-tranony ny mpanjaka, ary efa nampiadanin' i Jehovah tamin' ny fahavalony rehetra manodidina azy izy, **2** dia hoy ny mpanjaka tamin' i Natana mpaminany: Akory izato izaho mitoetra amin' ny trano sedera, nefa ny fiaran' Andriamanitra kosa mitoetra ao anaty lay! **3** Dia hoy Natana tamin' ny mpanjaka: Andeha, ataovy izay rehetra ao am-ponao; fa Jehovah no momba anao. **4** Ary tamin' ny alin' iny ihany dia tonga tamin' i Natana ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **5** Andeha, lazao amin' i Davida mpanompoko hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Hianao va no hanao trano hitoerako? **6** Fa tsy mbola nitoetra an-trano Aho hatramin' ny nitondrako ny Zanak' Isiraely niakatra avy tany Egypta ka mandraka androany, fa nifindrafindra toby sy nifindrafindra toerana. **7** Ary tamin' izay rehetra nifindrafindrako niaraka tamin' ny Zanak' Isiraely, moa nisy nitenenako akory va ny firenen' Isiraely, izay notendreko ho mpiandry ny Isiraely oloko, ka nanaovako hoe: Nahoana no tsy manao trano sedera ho Ahy ianareo? **8** Koa lazao amin' i Davida mpanompoko hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Izaho no naka anao avy tany an-tsaha, dia avy tamin' ny niandrasanao ondry, mba ho mpanapaka ny Isiraely oloko. **9** Ary nomba anao tamin' izay nalehanao rehetra Aho, ka naringako tsy ho eo anoloanao ny fahavalonao rehetra, ary homeko anarana malaza tahaka ny anaran' izay lehibe ambonin' ny tany ianao. **10** Ary hifidy tany ho an' ny Isiraely oloko Aho sady hamponina azy, ka dia handry fahizay amin' ny fonenany ary tsy hanana ahiahy intsony izy, ary ny zanaky ny faharatsiana tsy hampahory azy intsony tahaka ny taloha **11** sy tahaka ny hatramin' ny nanendreko mpitsara ho mpifehy ny Isiraely oloko; ary hampiadana anao ho afaka amin' ny fahavalonao rehetra Aho. Ary lazain' i Jehovah aminao koa fa hanome taranaka ho anao Izy. **12** Ary rehefa tapitra ny andronao, ka hodi-mandry any amin' ny razanao ianao, dia hatsangako handimby anao ny zanakao izay haterakao, ary hampitoeriko ny fanjakany; **13** dia io no hanao trano ho an' ny anarako, ary Izaho kosa hampitoetra ny seza fiandrianan' ny fanjakany ho mandrakizay. **14** Izaho ho rainy, ary izy ho zanako. Raha manao izay meloka izy, dia hanariko amin' ny tsorakazon' ny olona sy ny kapoky ny zanak' olombelona; **15** nefa ny famindram-poko tsy mba hiala aminy, tahaka ny nanesorako izany tamin' i Saoly, izay nesoriko teo alohanao. **16** Ary ny taranakao sy ny fanjakanao hitoetra eo anatrehanao mandrakizay; ny seza fiandrianana hitoetra mandrakizay. **17** Araka izany teny rehetra izany sy araka izao fahitana rehetra izao no nolazain' i Natana tamin' i Davida. **18** Ary Davida mpanjaka niditra ka nipetraka teo anatrehan' i Jehovah ary nanao hoe: Zinona moa aho, Jehovah Tompo ô? Ary zinona ny mpianakaviko, no novimbininao ambaraka ankehitriny aho? **19** Ary mbola ataonao ho zavatra kely ihany aza izany, Jehovah Tompo ô, fa, indro, efa voalazanao koa ny amin' ny taranaky ny mpanomponao hatramin' ny mbola any aoriana lavitra aza. Ary izany dia fanaon' ny olona, Jehovah Tompo ô. **20** Ka inona intsony no holazain' i Davida aminao? Fa Hianao, Jehovah Tompo ô, no mahalala ny mpanomponao. **21** Noho ny teninao sy araka ny sitraponao no nanaovanao io zavatra lehibe rehetra io, hampahalalanao ny mpanomponao. **22** Koa amin' izany dia lehibe Hianao, Jehovah Andriamanitra; fa tsy misy tahaka Anao, ka tsy misy Andriamanitra afa-tsy Hianao araka izay rehetra ren' ny sofinay. **23** Ary aiza moa no misy firenena etỳ an-tany tahaka ny Isiraely olonao, izay nalehan' Andriamanitra havotana ho olony, sy hanaovany anarana ho Azy, ary hanaovany zavatra lehibe ho anareo sy zava-mahatahotra ho an' ny taninao teo anatrehan' ny olonao, izay navotanao ho Anao avy tamin' ny firenen' i Egypta sy ny andriamaniny? **24** Dia nampitoerinao ny Isiraely olonao ho olonao mandrakizay: ary Hianao, Jehovah ô, no efa tonga Andriamaniny. **25** Ary ankehitriny, Jehovah Andriamanitra ô, ilay teny nolazainao ny amin' ny mpanomponao sy ny taranany dia ampitoero ho mandrakizay, ary ataovy araka izay nolazainao. **26** Ary aoka hohalehibiazina mandrakizay ny anaranao ka hatao hoe; Jehovah, Tompon' ny maro, no Andriamanitry ny Isiraely; ka dia hampitoerina eo anatrehanao ny taranak' i Davida mpanomponao. **27** Fa Hianao, Jehovah Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, efa nilaza tamin' ny mpanomponao hoe: Izaho hanome taranaka anao; koa izany no nampahasahy ny fon' ny mpanomponao hanao izao vavaka izao aminao. **28** Ary noho izany, Jehovah Tompo ô, satria Hianao no Andriamanitra, ary marina ny teninao, ary Hianao efa nilaza izany zava-tsoa izany ny amin' ny mpanomponao, **29** dia aoka ho sitrakao ny hitahy ny taranaky ny mpanomponao haharitra mandrakizay eo anatrehanao; fa Hianao, Jehovah Tompo ô, efa niteny izany; eny, aoka ny fitahianao no hitahianao ny taranaky ny mpanomponao mandrakizay.

8 Ary nony afaka izany, dia nandresy ny Filistina Davida ka nampietry azy; ary ny fanapahana ny renivohitra dia nesorin' i Davida tamin' ny tanan' ny Filistina. **2** Ary nandresy ny Moabita koa izy, dia nampandriny tamin' ny tany ireo ary nohariny tamin' ny kofehy, ka izay indroan' ny kofehy novonoiny, fa ny erany kosa novelominy; ka dia tonga mpanompon' i Davida ny Moabita ka nandoa hetra. **3** Dia resin' i Davida koa Hadadezera, zanak' i Rehoba, mpanjakan' i Zoba, tamin' izy lasa nampody ny fanjakany teo amoron' ny ony Eofrata. **4** Ary Davida nahazo babo taminy, dia miaramila an-tsoavaly fiton-jato amby arivo sy miaramila an-tongotra roa alina; ary notraingotraingoin' i Davida avokoa ny soavalin-kalesy rehetra, fa ny tokony ho

amin' ny kalesy zato ihany no navelany. **5** Ary tonga ny Syriana avy tany Damaskosy hanampy an' i Hadadezera, mpanjakan' i Zoba; dia nahafatesan' i Davida olona roa arivo sy roa alina koa ny Syriana. **6** Ary nametrahan' i Davida miaramila tany Syria momba an' i Damaskosy; dia tonga mpanompon' i Davida ny Syriana ka nandoa hetra. Fa Jehovah nampahery an' i Davida teny amin' izay rehetra nalehany. **7** Ary nalain' i Davida ny ampinga volamena izay teny amin' ny mpanompon' i Hadadezera ka nentiny nankany Jerosalema. **8** Ary teo Beta sy Berotahy, tanànan' i Hadadezera, no nahazoan' i Davida mpanjaka babo varahina be dia be. **9** Ary nony ren' i Toy, mpanjakan' i Hamata, fa efa naharesy ny miaramilan' i Hadadezera rehetra Davida, **10** dia nirahin' i Toy Jorama zanany hankany amin' i Davida mpanjaka hiarahaba azy sy hisaotra azy noho ny niadiany tamin' i Hadadezera sy ny nandreseny azy (fa Hadadezera dia fahavalon' i Toy); ary gorama nitondra fanaka volafotsy sy fanaka volamena ary fanaka varahina; **11** dia nohamasinin' i Davida mpanjaka ho an' i Jehovah koa izany mbamin' ny volafotsy sy ny volamena izay nohamasininy avy tamin' ny firenena rehetra izay efa resiny, **12** dia tamin' i Syria sy Moaba sy ny taranak' i Amona sy ny Filistina sy ny Amalekita ary ny babo azony tamin' i Hadadezera, zanak' i Rehoba, mpanjakan' i Zoba. **13** Ary Davida nahazo laza nony niverina avy nandresy ny Syriana valo arivo sy iray alina teo amin' ny Lohasahantsira. **14** Ary nametrahany miaramila tany Edoma; eny, nametrahany miaramila avokoa Edoma rehetra, ary ny mponina rehetra tany Edoma dia tonga mpanompon' i Davida. Ary Jehovah nampahery an' i Davida teny amin' izay rehetra nalehany. **15** Ary Davida nanjaka tamin' ny Isiraely rehetra ka nitsara sy nitondra marina ny vahoakany rehetra. **16** Ary Joaba, zanak' i Zeroia, no komandin' ny miaramila; ary Josafata, zanak' i Ahiloda, no mpitadidy ny raharaham-panjakana; **17** ary Zadoka, zanak' i Ahitoba, sy Ahimeleka, zanak' i Abiatara, no mpisorona; ary Seraia no mpanoratra; **18** ary Benaia, zanak' i Joiada, no mpifehy ny mpiambina andriana; ary ny zanak' i Davida no mpanolotsaina.

9 Ary hoy Davida: Mbola misy sisa ihany va ny tamingan' i Saoly mba hasiako soa noho ny amin' i Jonatana? **2** Ary nisy mpanompon' ny fianakavian' i Saoly, Ziba no anarany. Ary nantsoiny hankany amin' i Davida izy, ka hoy ny mpanjaka taminy: Hianao moa no Ziba? Ary hoy izy: Izaho mpanomponao no izy. **3** Ary hoy ny mpanjaka: Mbola misy sisa ihany va ny tamingan' i Saoly mba hasiako soa araka ny fanaon' Andriamanitra? Dia hoy Ziba tamin' ny mpanjaka: Mbola misy zanakalahin' i Jonatana iray ihany ao, nefa malemy tongotra izy. **4** Ary hoy ny mpanjaka taminy; Aiza anefa izy? Dia hoy Ziba tamin' ny mpanjaka: Indro izy ao an-tranon' i Makira, zanak' i Amiela, ao Lo-debara. **5** Ary Davida mpanjaka naniraka haka azy tao an-tranon' i Makira, zanak' i Amiela, tao Lodebara. **6** Ary nony tonga teo amin' i Davida Mefiboseta, zanak' i Jonatana, zanak' i Saoly, dia niankohoka sy nitsaoka azy izy. Ary hoy Davida: Mefiboseta! Dia hoy izy: Inty ny mpanomponao. **7** Ary hoy Davida taminy: Aza matahotra, fa hasiako soa tokoa ianao noho ny amin' i Jonatana rainao, ary hampodiko ho anao ny tany rehetra izay an' i Saoly rainao, ary ianao hihinana eo amin' ny latabatro mandrakariva. **8** Dia niankohoka izy ka nanao hoe: Zinona moa aho mpanomponao izay toy ny alika maty, no mba jerenao? **9** Dia niantso an' i Ziba, mpanompon' i Saoly, ny mpanjaka ka nanao taminy hoe: Izay rehetra nananan' i Saoly sy ny mpianakaviny rehetra dia nomeko ny zanakalahin' ny tomponao. **10** Koa ianao sy ny zanakaolahy ary ny mpanomponao no hiasa ny tany ho azy ka hanatitra hanin-kohanina ho an' ny zanakalahin' ny tomponao; fa Mefiboseta, zanakalahin' ny tomponao, hihinana eo amin' ny latabatro mandrakariva. Ary Ziba nanana zanakalahy dimy ambin' ny folo sy mpanompo roa-polo. **11** Ary hoy Ziba tamin' ny mpanjaka: Araka izay rehetra nandidianao mpanjaka tompoko no hataon' ny mpanomponao. Fa ny amin' i Mefiboseta, hoy Davida, dia hihinana eo amin' ny latabatro toy ny anankiray amin' ny zanakalahin' ny mpanjaka izy. **12** Ary Mefiboseta nananjanakalahy tanora, Mika no anarany. Ary izay rehetra nitoetra tao an-tranon' i Ziba dia mpanompon' i Mefiboseta avokoa. **13** Ary Mefiboseta nonina tany Jerosalema; fa teo amin' ny latabatry ny mpanjaka no nihinanany mandrakariva; ary nalemy ny tongony roa.

10 Ary rehefa afaka izany, dia maty ny mpanjakan' ny taranak' i Amona, ka Hanona zanany no nanjaka nandimby azy. **2** Ary hoy Davida: Hanisy soa an' i Hanona, zanak' i Nahasy, aho, toy ny soa nataon-drainy tamiko. Ary Davida naniraka ny mpanompony hitsapa alahelo azy ny amin-drainy. Ary tonga tany amin' ny tanin' ny taranak' i Amona ny mpanompon' i Davida. **3** Ary hoy ireo mpanapaka ny taranak' i Amona tamin' i Hanona tompony: Moa ataonao ho fanajana ny rainao no anirahan' i Davida hitsapa alahelo anao? Fa tsy hizaha ny tanàna sy hisafo azy ary handrava azy va no nanirahan' i Davida ireo mpanompony ireo hankatỳ aminao? **4** Dia nosamborin' i Hanona ny mpanompon' i Davida, ka noharatany ny ilasomony, sady nofolonany hatreo amin' ny foto-peny ny akanjony, ka dia nalefany hody izy. **5** Ary dia nisy lasa nanambara izany tamin' i Davida, ary izy naniraka hitsena azy, fa afa-baraka loatra ireo lehilahy ireo; ka dia hoy ny tenin' ny mpanjaka: Mitoera any Jeriko aloha ambarapanirin' ny somotrareo, vao mody ianareo. **6** Ary nony hitan' ny taranak' i Amona fa efa mangidy hoditra eo anatrehan' i Davida izy, dia naniraka nanakarama ny Syriana any Beti-rehoba sy ny Syriana any Zoba izy, dia miaramila antongotra roa alina, ary tamin' ny mpanjakan' i Maka, olona arivo lahy, ary tamin' ny olona tany Toba, roa arivo sy iray alina. **7** Ary nony ren' i Davida izany, dia naniraka an' i Joaba sy ny miaramila rehetra izy, dia ny lehilahy mahery. **8** Ary ny taranak' i Amona nivoaka ka nilahatra hiady teo anoloan' ny vavahady; ary ny Syriana avy any Zoba sy Rehoba sy ny olona avy tany Toba ary Maka nitokana teny an-tsaha kosa. **9** Ary rehefa hitan' i Joaba fa teo anoloany sady teo ivohony ny fahavalo, dia nifidy olona tamin' ireo voafantina tamin' ny Isiraely rehetra izy, ka nalahany hiady

tamin' ny Syriana. **10** Ary ny olona sisa kosa nomeny ho entin' i Abisay rahalahiny halahany hiady amin' ny taranak' i Amona. **11** Ary hoy izy: Raha tsy tohako ny Syriana, dia vonjeo aho; fa raha tsy tohanao kosa ny taranak' i Amona, dia hovonjeko ianao. **12** Mahereza ary, ka aoka hitombandahy isika ho an' ny firenentsika sy ny tanànan' Andriamanitsika; ary aoka Jehovah hanao izay sitrapony. **13** Ary Joaba sy ny olona nanaraka azy nandroso hiady amin' ny Syriana; ary dia nandositra niala teo anoloany ireo. **14** Ary nony hitan' ny taranak' i Amona fa nandositra ny Syriana, dia mba nandositra koa izy niala teo anoloan' i Abisay ka niditra tao an-tanàna. Ary Joaba niverina avy namely ny taranak' i Amona ka tonga tany Jerosalema. **15** Ary nony hitan' ny Syriana fa resy teo anoloan' ny Isiraely izy, dia nivory izy. **16** Ary Hadadezera naniraka naka ny Syriana izay tany an-dafin' ny Ony; ary dia tonga tany Helama izy; ary Sobaka, komandin' ny miaramilan' i Hadadezera, no nitarika azy. **17** Ary nony nambara tamin' i Davida izany, dia nampamory ny Isiraely rehetra izy ka lasa nita an' i Jordana, dia tonga tany Helama. Ary nilahatra ny Syriana hiady amin' i Davida, ka dia rafitra ny ady. **18** Ary vaky nandositra teo anoloan' ny Isiraely ny Syriana, ka nahafaty ny tao an-kalesy fiton-jato sy ny an-tsoavaly efatra alina tamin' ny Syriana Davida sady namely an' i Sobaka koa, ilay komandin' ny miaramila, ka nahafaty azy teo. **19** Ary nony hitan' ny mpanjaka rehetra izay nanoa an' i Hadadezera fa resy teo anoloan' ny Isiraely izy, dia nanao fihavanana tamin' ny Isiraely izy ireo ka nanompo azy. Dia natahotra ny Syriana, ka tsy nety namonjy ny taranak' i Amona intsony.

11 Ary rehefa niherina ny taona, ka mby amin' ny andro fandehanan' ny mpanjaka hiady, dia naniraka an' i Joaba sy ny mpanompony ary ny Isiraely rehetra Davida, ka nandringana ny taranak' i Amona ireo sady nanao fahirano an' i Raha; fa Davida kosa nijanona tany Jerosalema ihany. **2** Ary nony harivariva, dia niala tao am-pandriany Davida ka nitsangantsangana teo an-tampon' ny lapa; ary raha teo izy dia nahatazana vehivavy mandro; ary ravehivavy dia tsara tarehy maha-te-hijery. **3** Ary Davida dia naniraka hanontany ny amin-dravehivavy. Ary nisy nanao hoe: Tsy iny va no Batseba, zanakavavin' i Eliama, sady vadin' i Oria Hetita? **4** Ary Davida naniraka olona ka nampaka azy; dia tonga tao aminy izy ka nandriany. Ary ravehivavy nanamasina ny tenany ho afaka tamin' ny halotoany, dia nody tany an-tranony. **5** Ary nanan' anaka ravehivavy ka naniraka hilaza tamin' i Davida hoe: Manan' anaka aho. **6** Ary Davida naniraka tany amin' i Joaba hanao hoe: Asaovy mankaty amiko kely Oria Hetita. Dia nasain' i Joaba nankany amin' i Davida Oria. **7** Ary nony tonga teo amin' i Davida izy, dia nanontaniany ny toetr' i Joaba sy ny olona ary ny toetry ny ady. **8** Ary hoy Davida tamin' i Oria: Andeha ary mody, ka sasao ny tongotrao. Ary Oria niala tao an-tranon' ny mpanjaka, ary dia nampanarahina nahandro avy tao amin' ny mpanjaka izy. **9** Nefa Oria nandry teo am-baravarana ny tranon' ny mpanjaka, teo amin' ny mpanompon' ny tompony rehetra, fa tsy nidina nody tany an-tranony izy tsy akory. **10** Ary nisy nanambara tamin' i Davida hoe: Tsy nidina nody tany an-tranony Oria. Dia hoy Davida tamin' i Oria: Tsy avy lavitra va ianao? koa nahoana ianao no tsy midìna mody any an-tranonao? **11** Fa hoy Oria tamin' i Davida: Ny fiara sy ny Isiraely ary ny Joda mitoetra amin' ny trano rantsan-kazo; ary Joaba tompoko sy ny mpanompon' ny tompoko mitoby any an-tsaha, ka izaho kosa va hody any an-tranoko hihinana sy hisotro ary handry amin' ny vadiko? Raha velona koa ianao, ary raha velona koa ny ainao, tsy hanao izany aho. **12** Ary hoy Davida tamin' i Oria: Mitoera ihany ary atỳ anio, fa rahampitso dia halefako ianao. Dia nitoetra tany Jerosalema androtrizay sy ny ampitson' iny Oria. **13** Ary nasain' i Davida izy, dia nihinana sy nisotro teo anatrehany, ka nomamoiny, ary nony hariva dia nivoaka izy ka nandry teo amin' ilay nandriany teo amin' ny mpanompon' ny tompony ihany, fa tsy nidina nody tany an-tranony. **14** Ary nony maraina, Davida dia nanoratra taratasy ho any amin' i Joaba, ka nampitondrainy an' i Oria izany. **15** Ary izao no soratra nataony tao amin' ny taratasy: Arosoinareo amin' ny ady mafy Oria; dia ilaozy izy mba hasiany ho faty. **16** Ary raha mbola nanao fahirano ny tanàna Joaba, dia nanendry an' i Oria ho eo amin' izay hitany misy lehilahy mahery. **17** Ary ny mponina tao an-tanàna nivoaka hiady amin' i Joaba, ka nahafatesana ny mpanompon' i Davida, ary maty koa Oria Hetita. **18** Ary Joaba naniraka hilaza tsara any amin' i Davida ny toetry ny ady; **19** ary nandidy ilay iraka izy hoe: Rehefa voalazanao tsara amin' ny mpanjaka ny toetry ny ady, **20** ka tezitra ny mpanjaka ary manao aminao hoe: Nahoana no nanakaiky ny tanàna toy izany ianareo raha niady? Tsy fantatrareo va fa hitifitra eo amin' ny manda izy? **21** Fa iza no namely an' i Abimeleka, zanak' i Jerobeseta? Moa tsy vehivavy va no nanjera vato fikosoham-bary taminy avy teo amin' ny manda, ka dia maty tao Tebeza izy? Koa nahoana no nanakaiky ny manda ianareo? dia ataovy hoe: Oria Hetita mpanomponao mba maty koa. **22** Ary nandeha ilay iraka, dia tonga tamin' i Davida ka nanambara taminy izay rehetra nanirahan' i Joaba azy. **23** Ary hoy ny iraka tamin' i Davida: Nahery noho izahay ireny, ary nivoahany tany an-tsaha izahay, ka dia nenjehinay hatreo anoloan' ny vavahady kosa izy. **24** Ary ny mpitifitra teo amin' ny manda nitifitra ny mpanomponao; ary nahafatesana ny mpanompon' ny mpanjaka, ary Oria Hetita mpanomponao mba maty koa. **25** Dia hoy Davida tamin' ny iraka: Izao no holazainao amin' i Joaba: Aza malahelo amin' izany ianao, fa ny sabatra tsy mifidy hasiana; herezo ihany ny adinao amin' ny tanàna, ka ravao izy. Ary omeo toky Joaba. **26** Ary nony ren' ny vadin' i Oria fa maty ny lahy, dia nisaona azy izy. **27** Ary rehefa afa-tsaona izy, dia nampanalain' i Davida ho any an-tranony, ary dia novadiny izy ka niteraka zazalahy taminy. Nefa tsy sitrak' i Jehovah izany nataon' i Davida izany.

12 Ary Jehovah naniraka an' i Natana hankao amin' i Davida. Ary dia tonga tao aminy izy ka nanao taminy hoe: Nisy olona roa lahy tao an-tanàna anankiray, ny iray manan-karena, ary ny iray malahelo. **2** Ilay manan-karena nanana ondry aman' osy sy omby betsaka; **3** fa ilay

malahelo kosa tsy nanana na inona na inona afa-tsy zanak' ondry vavy kely iray monja izay novidiny; ary nokolokoloiny tsara io ka nitombo teo aminy sy ny zanany; fa tamin' ny hanin-kelin-dralehilahy no nihinanany, ary tamin' ny kapoakany no nisotroany, sady notrotroiny teo an-tratrany izy ka nataony toy ny zananivavy. **4** Ary nisy vahiny tonga tao amin' ilay manan-karena, nefa ny ondriny aman' osiny sy ny ombiny notsitsiny ka tsy nangalany hatao nahandro ho an' ilay vahiny tonga tao aminy; fa ny zanak' ondry vavin' ilay malahelo kosa no nalainy, ka dia nataony nahandro ho an' ilay olona tonga tao aminy. **5** Dia nirehitra mafy ny fahatezeran' i Davida tamin' izany olona izany, ka hoy izy tamin' i Natana: Raha velona koa Jehovah, tsy maintsy hatao maty izay olona nanao izany; **6** ary ilay zanak' ondry vavy tsy maintsy honerany efatra heny noho ny nanaovany izany zavatra izany sy noho ny tsy namindrany fo. **7** Dia hoy Natana tamin' i Davida: Hianao no izy. Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Izaho nanosotra anao ho mpanjakan' ny Isiraely ka namonjy anao ho afaka tamin' ny tànan' i Saoly; **8** ary nomeko anao ny tranon' ny tomponao sy ny vadin' ny tomponao ho andefimandrinao, ary nomeko anao koa ny firenen' Isiraely sy Joda; ary raha mbola tsy ampy ho anao izany, dia ho nomeko bebe kokoa ianao; **9** koa nahoana ianao no nanamavo ny tenin' i Jehovah ka nanao izay ratsy eo imasony? Oria Hetita nasianao ny sabatra, ary ny vadiny nalainao ho vadinao. Eny, efa novonoinao tamin' ny sabatry ny taranak' i Amona izy. **10** Koa noho izany dia tsy hiala amin' ny taranakao mandrakizay kosa ny sabatra, satria nanamavo Ahy ianao ka naka ny vadin' i Oria Hetita ho vadinao. **11** Izao koa no lazain' i Jehovah: Indro, Izaho efa hahatonga loza aminao avy ao amin' ny ankohonanao ihany; ary hesoriko eo imasonao ny vadinao ka homeko ny namanao; ary izy handry amin' ny vadinao amin' izao antoandrobenanahary izao. **12** Fa ianao nanao izany tao amin' ny mangingina, ary Izaho kosa haneho izany zavatra izany eo anatrehan' ny Isiraely rehetra sy amin' izao antoandrobenanahary izao. **13** Dia hoy Davida tamin' i Natana: Efa nanota tamin' i Jehovah aho. Ary hoy kosa atana tamin' i Davida: Jehovah efa nanaisotra ny helokao, ka tsy ho faty ianao. **14** Nefa noho ny nampitenenanao ratsy ny fahavalon' i Jehovah amin' izany zavatra izany dia ho faty tokoa ny zaza izay haterakao. **15** Ary Natana nody tany an-tranony. Ary Jehovah namely ny zaza izay nateraky ny vadin' i Oria tamin' i Davida, ka dia narary be ny zaza. **16** Ary nifona tamin' Andriamanitra ho an' ny zaza Davida, dia nifady hanina sady niditra ka nandry tamin' ny tany mandritra ny alina. **17** Ary ny loholona tao an-tranony nitsangana nankao aminy hampiarina azy amin' ny tany; nefa tsy nety izy sady tsy nety niara-nihinan-kanina taminy. **18** Ary nony nandray hafitoana, dia maty ny zaza; ary ny mpanompon' i Davida natahotra hilaza ny nahafatesan' ny zaza aminy, fa hoy ireo: Indro, fony mbola velona aza ny zaza, raha niteny taminy isika, dia tsy nohenoiny ny feontsika, koa hataontsika ahoana no filaza aminy ny fahafatesan' ny zaza? fandrao hanimba tena izy. **19** Ary nony hitan' i Davida fa nitakoritsika ny mpanompony, dia fantany fa maty ny zaza; ka hoy izy tamin' ny mpanompony: Maty va ny zaza? Ary hoy ireo: Maty. **20** Dia niarina tsy nandry tamin' ny tany intsony Davida ary nandro sy nihosotra diloilo ary nanova ny fitafiany, dia nankao amin' ny tranon' i Jehovah ka niankohoka; ary dia nody tany an-tranony izy ka niantso mba hisy handroso hanina eo anoloany, dia nihinana izy. **21** Ary hoy ny mpanompony taminy: Ahoana izao zavatra nataonao izao? Fa fony mbola velona ny zaza, dia nifady hanina sy nitomany ianao, fa rehefa maty ny zaza, dia niarina sy nihinan-kanina kosa. **22** Ary hoy izy: Fony mbola velona ny zaza, dia nifady hanina sy nitomany tokoa aho: fa hoy izaho: Iza moa no mahalala na mba hamindra fo amiko Jehovah ka hahavelona ny zaza, na tsia? **23** Kanjo maty izy izao, ka nahoana aho no hifady hanina intsony? Mahay mampiverina azy va aho? Izaho no hankany aminy, fa izy tsy hiverina etỳ amiko intsony. **24** Ary Davida nampionona an' i Batseba vadiny, dia niditra tao aminy ka nandry taminy; ary niteraka zazalahy izy, ka ny anarany nataony hoe Solomona. Ary Jehovah tia azy, **25** dia naniraka an' i Natana mpaminany ka nanao ny anaran' ny zaza hoe Jedidia noho ny amin' i Jehovah. **26** Ary Joaba namely an' i Raban' ny taranak' i Amona ka nahafaka ny tanànan' ny mpanjaka. **27** Ary Joaba naniraka olona tany amin' i Davida nanao hoe: Namely an' i Raba aho ka nahafaka ny tanàna misy rano. **28** Koa vorio ny olona sisa izao, ka mitobia hamely ny tanàna, ary aoka ho afakao izy; fandrao izaho no hahafaka ny tanàna, ka dia hotononina araka ny anarako izy. **29** Ary Davida namory ny vahoaka rehetra, dia nankany Raba ka namely azy ary nahafaka azy. **30** Dia nesoriny ny satro-boninahitr' ilay mpanjaka teny an-dohany talenta volamena iray no lanjany, sady nisy vato soa, ary dia nisatrohan' i Davida. Ary navoakany tao an-tanàna ny babo azo, ka be dia be ireny. **31** Ary dia navoakany koa ny olona teo ka nataony teo amin' ny tsofa sy ny fangao-by lehibe ary ny famaky vy, ary nataony tao anatin' ny fandoroam-biriky; toy izany no nataony tamin' ny tanànan' ny taranak' i Amona rehetra. Ary Davida sy ny vahoaka rehetra dia niverina nankany Jerosalema.

13 Ary nony afaka izany, dia nisy toy izao: Absaloma, zanak' i Davida, nanana anabavy tsara tarehy, Tamara no anarany; ary tia azy Amnona, zanak' i Davida. **2** Ary Amnona nalahelo ka matiny ihany noho Tamara anabaviny; fa virijina izy, ka sarotra tamin' i Amnona ny haka azy. **3** Fa Amnona nanan-tsakaiza, Jonadaba no anarany, zanak' i Simea, rahalahin' i Davida; ary Jonadaba dia olona fetsy loatra. **4** Ka hoy izy taminy: Nahoana ianao, ry zanaky ny mpanjaka, no mihamahia isan' andro isan' andro? Tsy tianao hambara amiko va izany? Dia hoy Amnona taminy: Tia an' i Tamara, anabavin' i Absaloma rahalahiko, aho. **5** Ary hoy Jonadaba taminy: Mandria eo amin' ny fandrianao ianao, ka modia marary; ary raha avy mamangy anao rainao, dia ataovy aminy hoe: Trarantitra ianao, aoka Tamara anabaviko mba ho avy hampihinan-kanina ahy ary hanao ny nahandro eto imasoko mba ho hitako ka hihinanako ny avy eny an-tànany. **6** Dia nandry Amnona ka nody marary; ary nony avy mamangy azy

ny mpanjaka, dia hoy izy taminy: Trarantitra ianao, aoka Tamara anabaviko hankatỳ hanao mofo roa ho ahy eto imasoko hihinanako ny avy eny an-tànany. **7** Ary Davida naniraka nankany amin' i Tamara any an-tranony nanao hoe: Mankanesa kely any an-tranon' i Amnona anadahinao, ka manaova nahandro ho azy. **8** Dia nandeha Tamara nankany an-tranon' i Amnona anadahiny; ary nandry ny anadahiny. Dia naka koba razazavavy, ka nofetafetainy ary nataony mofo teo imasony, ary nendasiny ny mofo. **9** Dia noraisiny ny fanendasana, ka narosony teo anoloany; fa tsy nety nihinana izy. Ary hoy Amnona: Avoahy ny olona rehetra. Dia nivoaka ny olona rehetra. **10** Ary hoy Amnona tamin' i Tamara: Ento atỳ amin' ny efi-trano ny nahandro hihinanako ny avy eny an-tananao. Dia nalain' i Tamara ny mofo nataony ka nentiny tao amin' ny efi-trano tao amin' i Amnona anadahiny. **11** Ary nony nentiny tao aminy hohaniny izany; dia nihazona an' i Tamara izy ka nanao taminy hoe: Avia handry amiko, ranabaviko. **12** Ary hoy ny anabaviny: Sanatria, ranadahy! Aza misavika ahy; fa tsy fanao eto amin' ny Isiraely izany; aza manao izany zavatra fady indrindra izany ianao. **13** Ary ny amiko, ho entiko aiza moa ny henatro? Ary ianao koa ho toy ny anankiray amin' ny adala eto amin' ny Isiraely. Koa trarantitra ianao, lazao amin' ny mpanjaka; fa tsy hisakana ahy tsy ho anao izy. **14** Nefa tsy nety nihaino ny feon-drazazavavy izy, fa natanjaka noho izy, dia nisavika azy ka nandry taminy. **15** Ary dia halan' i Amnona indrindra izy, ka ny fankahalany azy dia be lavitra noho ny fitiavany azy taloha. Dia hoy Amnona taminy: Mitsangàna, mandehana. **16** Ary hoy izy taminy: Aza dia manao ratsy mandroaka ahy ianao, fa ratsy noho ny zavatra hafa nataonao izao. Nefa tsy nety nihaino azy izy. **17** Dia niantso ny zatovony izay nanompo azy izy ka nanao hoe: Esory hiala eto amiko ity vehivavy ity, ka hidio ny varavarana, rehefa tafavoaka izy. **18** Ary niakanjo akanjo lava razazavavy; fa izany no fanaon' ny zanakavavin' ny mpanjaka ho akanjo ambony, raha mbola virijina izy. Dia navoakan' ilay ankizilahy izy, ka nohidiany ny varavarana, nony tafavoaka izy. **19** Ary nasian' i Tamara lavenona ny lohany, sady notriariny ny akanjo lava izay niakanjoany, dia niloloha tanana izy, sady nitomany nidradradradra teny ampandehanana. **20** Ary hoy Absaloma anadahiny taminy: Efa tany aminao va Amnona anadahinao? Mangìna ihany aloha, ranabavy, fa anadahinao izy; fa aza malahelo noho izany. Ka dia nitoetra tao an-tranon' i Absaloma anadahiny Tamara sady ory. **21** Fa nony ren' i Davida mpanjaka izany zavatra rehetra izany, dia nirehitra ny fahatezerany. **22** Ary Absaloma tsy nifampiteny tamin' i Amnona rahalahiny akory na soa na ratsy; fa halan' i Absaloma izy noho ny nisavihany an' i Tamara anabaviny. **23** Ary nony afaka roa taona ngarangidina, dia nampanety ondry teo Balahazora ao akaiky an' i Efraima Absaloma, ka nanasa ny zanakalahin' ny mpanjaka rehetra izy. **24** Ary nankao amin' ny mpanjaka Absaloma ka nanao hoe: Indro, mampanety ondry ny mpanomponao; koa trarantitra ianao, aoka ny mpanjaka sy ny mpanompony handeha hiaraka amiko mpanomponao. **25** Fa hoy ny mpanjaka tamin' i Absaloma: Tsia, anaka, aoka tsy handeha avokoa izahay rehetra, fandrao mahavaky tratra anao. Fa Absaloma nanery azy ihany; nefa tsy nety nandeha izy, fa nitso-drano azy ihany. **26** Dia hoy Absaloma: Raha tsy izany ary, trarantitra ianao, aoka Amnona rahalahiko no handeha hiaraka aminay. Ary hoy ny mpanjaka taminy: Ahoana no hiarahany aminao? **27** Fa nanery azy Absaloma, ka dia nalefany Amnona sy ny zanakalahin' ny mpanjaka rehetra handeha hiaraka aminy. **28** Ary Absaloma nanome teny ny zatovony hoe: Miomàna tsara, fa rehefa faly ny fon' i Amnona azon' ny divay, ka lazaiko aminareo hoe: Asio Amnona, dia ataovy maty izy, fa aza matahotra; tsy izaho va no nanome teny anareo? Matokia, aoka hiseho ho lehilahy mahery ianareo. **29** Ary ny zatovon' i Absaloma nanao tamin' i Amnona araka ny teny nomen' i Absaloma azy. Dia nitsangana avokoa ny zanakalahin' ny mpanjaka rehetra, ary samy nitaingina ny ampondrany ka nandositra. **30** Ary raha mbola teny an-dalana izy ireo, dia tonga tao amin' i Davida ny filazana hoe: novonoin' i Absaloma avokoa ny zanakalahin' ny mpanjaka, ka tsy nasiany miangana na dia iray akory aza. **31** Dia nitsangana ny mpanjaka ka nandriatra ny fitafiany, dia nandry tamin' ny tany; ary ny mpanompony rehetra nitsangana teo, samy voatriatra avokoa ny fitafiany. **32** Ary Jonadaba, zanak' i Simea, rahalahin' i Davida, nanao hoe: Aoka ny tompoko tsy hanao hoe: Matiny avokoa ny zatovo rehetra, zanakalahin' ny mpanjaka; fa Amnona ihany no maty; fa Absaloma efa nifofo azy hatramin' ny andro nisavihany an' i Tamara anabaviny. **33** Koa aoka ny mpanjaka tompoko tsy hieritreritra am-po fa maty avokoa ny zanakalahin' ny mpanjaka rehetra; fa Amnona ihany no maty. **34** Fa Absaloma nandositra. Ary ny zatovo mpitily nanopy ny masony ka nahita fa, indreo nisy olona maro avy teo ivohony, teo anilan' ny tendrombohitra. **35** Ary hoy Jonadaba tamin' ny mpanjaka: Indreo, avy ny zanakalahin' ny mpanjaka, dia araka ny nolazain' ny mpanomponao tokoa. **36** Ary nony efa voalazany izany teny izany, dia indreo, tonga ny zanakalahin' ny mpanjaka, ary nanandratra ny feony izy ka nitomany; ary ny mpanjaka sy ny mpanompony dia mba nitomany mafy dia mafy koa. **37** Fa Absaloma nandositra nankany amin' i Talmay, zanakalahin' i Amihoda, mpanjakan' i Gesora. Ary nisaona ny zanany mandrakariva Davida. **38** Ary Absaloma efa nandositra nankany Gesora ka nitoetra tany telo taona. **39** Ary Davida mpanjaka naniry hivoaka hankany amin' i Absaloma; fa nionona izy noho ny amin' i Amnona, satria efa maty izy.

14 Ary Joaba, zanak' i Zeroia, nahalala fa ny fon' ny mpanjaka nalahelo an' i Absaloma ihany. **2** Koa naniraka tany Tekoa nampaka vehivavy hendry tany Joaba ka nanao taminy hoe: Masìna ianao, modia misaona, ka miakanjoa akanjo fisaonana, ary aza mihoso-diloilo ianao, fa manaova tahaka ny vehivavy efa nisaona ela ny maty; **3** dia mankanesa ao amin' ny mpanjaka, ka lazao aminy araka izao. Dia nomen' i Joaba teny izy. **4** Ary nony niteny tamin' ny mpanjaka ravehivavy avy any Tekoa, dia niankohoka tamin' ny tany izy ary nitsaoka ka nanao hoe: Vonjeo, ary mpanjaka ô. **5** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Inona no

nanjo anao? Dia hoy izy: Vehivavy mpitondra tena tokoa aho, fa maty vady. **6** Ary izaho mpanompovavinao nanan-janaka roa lahy, ary nifanditra tany an-tsaha izy mirahalahy, ka tsy nisy nampisaraka azy, ary ny anankiray namely ny rahalahiny ka nahafaty azy. **7** Ary, indreo, ny mpianakavy rehetra nanangana ady tamiko mpanompovavinao ka nanao hoe: Atolory ilay namely ny rahalahiny, fa hataonay maty izy noho ny ain' ny rahalahiny izay novonoiny ka dia hovonoinay koa ny mpandova; ka hovonoiny koa ny vainafoko sisa, ka tsy hamelany anarana na zanaka ho an' ny vadiko etỳ ambonin' ny tany. **8** Ary hoy ny mpanjaka tamin-dravehivavy: Modia ianao; fa izaho no handidy ny amin' izany. **9** Ary hoy ravehivavy avy any Tekoa tamin' ny mpanjaka: Ry mpanjaka tompoko ô, aoka ho amiko ny heloka sy ho amin' ny ankohonan' ny raiko; fa ny mpanjaka sy ny seza fiandrianany dia aoka tsy hanan-tsiny. **10** Dia hoy ny mpanjaka: Na zovy na zovy manisy teny anao, ento etỳ amiko, dia tsy haninona anao intsony izy. **11** Ary hoy ravehivavy: Trarantitra ianao, ry mpanjaka ô, aoka ianao hahatsiaro an' i Jehovah Andriamanitrao, ary aoka ny mpamaly ratsy hamono intsony, fandrao mamono ny zanako izy. Dia hoy ny mpanjaka: Raha velona koa Jehovah, tsy hisy ho latsaka amin' ny tany na dia singam-bolo iray akory aza amin' ny zanakao. **12** Ary hoy ravehivavy: Trarantitra ianao, aoka kely ny mpanompovavinao hanao teny indraim-bava monja amin' ny mpanjaka tompoko. Ary hoy izy: Lazao ary. **13** Dia hoy ravehivavy: Nahoana ianao no nihevitra toy izany hamely ny olon' Andriamanitra? Fa amin' ny, itenenan' ny mpanjaka izany zavatra izany, dia toa mahavoa ny tenany ihany izy noho ny tsi-fampodian' ny mpanjaka ilay noroahiny. **14** Fa tsy maintsy maty isika ka ho tahaka ny rano raraka amin' ny tany, izay tsy azo raofina intsony; ary Andriamanitra tsy manala ain' olona, fa mihevitra izay tsy hanariany ilay noroahiny. **15** Fa izaho no tonga hilaza izany zavatra izany amin' ny mpanjaka tompoko, ny olona no nampitahotra ahy: ary hoy izaho mpanompovavinao: mba holazaiko amin' ny mpanjaka izany; fa angamba ny mpanjaka hanao izay angatahin' ny mpanompovaviny. **16** Eny, ny mpanjaka hihaino ka hamonjy ny mpanompovaviny ho afaka amin' ny tanan' ny lehilahy izay ta-hamongotra ahy mbamin' ny zanako hiala amin' ny lova nomen' Andriamanitra. **17** Dia hoy ny mpanompovavinao: Hahazoako fiononana anie ny tenin' ny mpanjaka tompoko; fa ta-haka Ilay Anjelin' Andriamanitra ny mpanjaka tompoko ka mandinika izay soa sy ratsy; koa Jehovah Andriamanitrao anie ho aminao. **18** Ary ny mpanjaka namaly an-dravehivavy hoe: Aza dia afenina ahy izay zavatra hanontaniako anao. Dia hoy ravehivavy: Aoka hiteny ny mpanjaka tompoko. **19** Ary hoy ny mpanjaka: Moa saina nomen' i Joaba va izany rehetra lazainao izany? Dia hoy ny navalin-dravehivavy: Raha velona koa ny ainao, ry mpanjaka tompoko, tsy misy mivily izay rehetra nolazain' ny mpanjaka tompoko na ho amin' ny ankavanana na ho amin' ny ankavia; fa Joaba mpanomponao tokoa no nandidy ahy sy nanome izany teny rehetra izany ny mpanompovavinao. **20** Ny hampiova tarehy ny raharaha no nanaovan' i Joaba mpanomponao izany zavatra izany; fa hendry tahaka Ilay Anjelin' Andriamanitra tompoko ka mahalala ny zavatra rehetra etỳ ambonin' ny tany. **21** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Joaba: Indro fa efa nekeko izany zavatra izany: koa andeha, alao hody Absaloma zatovo. **22** Dia niankohoka tamin' ny tany Joaba ka nitsaoka sy nisaotra ny mpanjaka; ary hoy Joaba: Anio no ahafantaran' ny mpanomponao fa efa mahita fitia eo imasonao aho, ry mpanjaka tompoko, amin' ny nanaovan' ny mpanjaka araka ny nangatahin' ny mpanompony. **23** Dia niainga Joaba nankany Gesora, ka nentiny nankany Jerosalema Absaloma. **24** Ary hoy ny mpanjaka: Aoka hody any an-tranony izy, fa aza avela hahita ny tavako. Ary Absaloma nankany an-tranony, ka dia tsy nahita ny tavan' ny mpanjaka. **25** Ary tsy nisy lehilahy tsara tarehy noderaina fatratra tahaka an' i Absaloma teo amin' ny Isiraely rehetra, fa hatrany am-paladiany ka hatrany an-tampon-dohany dia tsy nisy tsiny izy. **26** Ary raha nanaratra ny lohany izy (fa isaky ny fitsingerenan' ny taona no nanaratany azy; fa nanavesatra azy ka noharatany), dia nolanjainy ny volon-dohany, ka sekely roan-jato no lanjany, araka ny fandanjan' ny mpanjaka. **27** Ary Absaloma niteraka zanaka telo mirahalahy sy vavy iray, atao hoe Tamara, ary vehivavy tsara tarehy izy. **28** Ary Absaloma nitoetra roa taona ngarangidina tany Jerosalema, nefa tsy mbola nahita ny tavan' ny mpanjaka ihany izy. **29** Ary Absaloma dia naniraka tany amin' i Joaba, mba hanirahany azy ho any amin' ny mpanjaka, fa tsy nety nankany aminy izy; ary mbola naniraka fanindroany indray Absaloma, fa mbola tsy nety nankany ihany Joaba. **30** Koa dia hoy izy tamin' ny mpanompony: Indro, ny tanimbarin' i Joaba mifanolotra amin' ny ahy, ary manana vary hordea ao izy; andeha, dory amin' ny afo izany. Ary ny mpanompon' i Absaloma dia nandoro ny tanimbary. **31** Ary Joaba niainga nankany amin' i Absaloma tao an-tranony ka nanao taminy hoe: Nahoana ny mpanomponao no nandoro ny tanimbariko tamin' ny afo? **32** Fa hoy Absaloma tamin' i Joaba: Indro, naniraka tany aminao aho ka nanao hoe: Mankanesa atỳ hirahiko ho any amin' ny mpanjaka hanao hoe: Nahoana no niala tany Gesora aho? Tsara amiko raha nitoetra tany ihany mandraka ankehitriny. Koa ankehitriny, aoka re mba hahita ny tavan' ny mpanjaka aho, ka raha manan-keloka aho, dia aoka hovonoiny. **33** Ary Joaba nankany amin' ny mpanjaka ka nanambara izany taminy: ary dia nampanalain' ny mpanjaka Absaloma, dia nankao aminy izy ka niondrika tamin' ny tany teo anatrehan' ny mpanjaka; ary dia nanoroka an' i Absaloma ny mpanjaka.

15 Ary nony afaka izany, Absaloma dia nanomana kalesy iray sy soavaly ary olona dimam-polo lahy ho mpihazakazaka eo alohany. **2** Ary Absaloma nifoha maraina koa, dia nijanona teo anilan' ny lalana mankeo am-bavahady, ka raha nisy olona nanana ady ho entiny any amin' ny mpanjaka hotsaraina, dia nantsoin' i Absaloma ka nanontaniany hoe: Avy any amin' ny tanàna aninona ianao? Ary hoy izy: Avy any Anonana amin' ny firenen' Isiraely ny mpanomponao. **3** Dia hoy Absaloma taminy: Eny, tsara sy marina ny raharahanao, saingy tsy misy olona voatendrin' ny mpanjaka hihaino anao. **4** Ary hoy koa

Absaloma: Enga anie ka izaho no voatendry ho mpitsara amin' ny tany, ary ho avy atỳ amiko ny olona rehetra izay manana ady sy teny hotsaraina, dia homeko rariny izy! **5** Ary isaky ny nisy olona nanatona hiankohoka teo anoloany, dia narosony ny tànany ka noraisiny sy norohany izany olona izany. **6** Ary toy izany no nataon' i Absaloma tamin' ny Isiraely rehetra izay nankao amin' ny mpanjaka hotsaraina; ka dia voafetsin' i Absaloma ho azy ny fon' ny lehilahy amin' ny Isiraely. **7** Ary nony afaka efa-polo taona, dia hoy Absaloma tamin' ny mpanjaka: Trarantitra ianao, aoka aho hankany Hebrona hanefa ny voadiko izay nivoadiako tamin' i Jehovah. **8** Fa nivoady aho mpanomponao, fony mbola nitoetra tany Gesora any Syria, nanao hoe: Raha mbola hampodin' i Jehovah any Jerosalema ihany aho, dia hanompo an' i Jehovah. **9** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Mandehana soa aman-tsara ary. Dia niainga izy ka nankany Hebrona. **10** Ary Absaloma naniraka mpitety nankeny amin' ny firenen' Isiraely rehetra hanao hoe: Raha vao mandre ny feon' ny anjomara ianareo, dia miantsoa hoe: Absaloma no mpanjaka ao Hebrona. **11** Ary nisy roan-jato lahy izay nasain' i Absaloma, ka dia nanaraka azy avy tany Jerosalema, nefa nandeha tamin' ny fahatsoran' ny fony izy ireo, fa tsy nahafantatra na inona na inona. **12** Ary Absaloma naniraka naka an' i Ahitofela Gilonita, mpanolo-tsaina an' i Davida, avy tao an-tanànany, dia tao Gilo, raha mbola nanatitra ny fanatitra izy. Ary nihamasaka ny tetika fikomiana, ka dia nihamaro mandrakariva ny olona nomba an' i Absaloma. **13** Ary nisy olona tonga tao amin' i Davida ka nilaza hoe: Lasa nanaraka an' i Absaloma fon' ny lehilahy amin' ny Isiraely. **14** Ary hoy Davida tamin' ny mpanompony rehetra izay tao aminy tany Jerosalema: Mitsangàna, andeha isika handositra, fa tsy hisy hahafahantsika amin' i Absaloma; andeha hiala faingana, fandrao tamy faingana izy, ka tratrany eto isika, dia hataony idiran-doza tampoka eto isika, ary hasiany amin' ny lelan-tsabatra ny tanàna. **15** Ary hoy ny mpanompon' ny mpanjaka taminy: Indreto ny mpanomponao hanao araka izay rehetra sitraky ny mpanjaka tompoko. **16** Dia nivoaka ny mpanjaka ka narahin' ny ankohonany rehetra. Ary ny mpanjaka namela folo vavy tamin' ny vaditsindranony hiandry trano. **17** Ary nivoaka ny mpanjaka, ka dia nanaraka azy ny vahoaka rehetra, ary nitoetra teo Faratanàna izy. **18** Ary ny mpanompony rehetra nandeha teny anilany, ka ny miaramila mpiambina andriana rehetra sy ny Gatita rehetra, dia enin-jato lahy izay nanaraka azy avy tany Gata, nandeha teo alohan' ny mpanjaka. **19** Ary hoy ny mpanjaka tamin' Itahy Gatita: Nahoana no ianao avy no mba miaraka aminay? Miverena, ka mitoera any amin' ny mpanjaka; fa hafa firenena sady mpivahiny ianao; modia ho any amin' ny fonenanao. **20** Fa vao omaly no nahatongavanao, ka anio va dia ho entiko manjenjena hiaraka aminay ianao? fa mandeha ho any amin' izay azoko aleha aho, koa miverena ihany ianao, ary ento hiara-miverina aminao koa ny rahalahinao; ho aminao anie ny famindram-po sy ny fahamarinana. **21** Fa Itahy namaly ny mpanjaka hoe: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny mpanjaka tompoko, izay hitoeran' ny mpanjaka tompoko, na ho faty na ho velona, dia any koa no hitoeran' ny mpanomponao. **22** Ary hoy Davida tamin' Itahy: Andeha mandroso ary. Dia nandroso Itahy Gatita sy ny olony rehetra mbamin' ny zaza amim-behivavy rehetra izay teo. **23** Ary ny olona rehetra dia nitomany nikaikaika, ary nita ny vahoaka rehetra; ny mpanjaka koa dia nita ny lohasahan-driaka Kidrona, ary ny vahoaka rehetra nandroso tamin' ny lalana mankany an-efitra. **24** Ary indro koa Zadoka sy ny Levita rehetra nanaraka azy nitondra ny fiaran' ny faneken' Andriamanitra. Ary nametraka ny fiaran' Andriamanitra izy ary Abiatara niakatra mandra-pahatapitry ny olona rehetra avy tao an-tanàna. **25** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Zadoka: Ento miverina ho any an-tanàna ihany ny fiaran' Andriamanitra; fa raha mahita fitia eo imason' i Jehovah aho, dia mbola ho entiny miverina ihany, ka hasehony ahy iny sy ny fitoerany. **26** Fa raha izao kosa no lazainy: Tsy sitrako ianao, dia inty aho, aoka Izy hanao amiko araka izay ataony ho tsara. **27** Ary hoy koa ny mpanjaka tamin' i Zadoka mpisorona: Tsy mpahita va ianao? miverena soa aman-tsara any an-tanàna ianao mbamin' ny zanakareo roa lahy miaraka aminareo, dia Ahimaza zanakao sy Jonatana, zanak' i Abiatara. **28** Indro, izaho hijanonjanona eny amin' ny fitàna any amin' ny efitra mandra-pahatongan' izay teny avy atỳ aminareo hambara amiko. **29** Ary Zadoka sy Abiatara nitondra ny fiaran' Andriamanitra niverina nankany Jerosalema ihany; dia nitoetra tany izy. **30** Ary Davida niakatra teny an-tendrombohitra Oliva ka nitomany teny am-piakarana ary nisaron-doha sady nandeha tsy nikiraro; ary ny vahoaka rehetra izay nanaraka azy samy nisaron-doha sy niakatra ary nitomany teny am-piakarana avokoa. **31** Ary nisy nanambara tamin' i Davida hoe: Ahitofela koa mba isan' ny mpiray tetika amin' i Absaloma. Dia hoy Davida: Mitaraina aminao aho, Jehovah ô, ampodio ho fahadalana ny hevitra ataon' i Ahitofela. **32** Ary nony tonga teo an-tampon' ny tendrombohitra Davida, dia teo amin' izay fivavahan' ny olona tamin' Andriamanitra, indro, avy hitsena azy Hosay Arkita, voatriatra ny akanjony sady nihosin-tany ny lohany; **33** ary hoy Davida taminy: Raha miara-mandroso amiko ianao, dia ho tonga enta-mavesatra amiko; **34** fa raha hiverina any an-tanàna kosa ianao ka hanao amin' i Absaloma hoe: Ho mpanomponao aho, ry mpanjaka; efa mpanompon' ny rainao ihany aho taloha, fa ankehitriny kosa dia mpanomponao, aho dia hofoananao hahasoa ahy ny hevitra ataon' i Ahitofela. **35** Ary tsy ao aminao va Zadoka sy Abiatara mpisorona? Koa izay zavatra rehetra renao avy ao an-tranon' ny mpanjaka, dia ambarao amin' i Zadoka sy Abiatara mpisorona. **36** Indreo, any aminy ny zanany roa lahy, dia Ahimaza, zanak' i Zadoka, sy Jonatana, zanak' i Abiatara; ary izy no hampitondrainareo izay rehetra renareo ho atỳ amiko. **37** Koa dia tonga tany an-tanàna Hosay, sakaizan' i Davida, tamin' ny nahatongavan' i Absaloma tany Jerosalema.

16 Ary nony vao nihilana kely avy teo an-tampon' ny tendrombohitra Davida, indro, Ziba, mpanompon' i Mefiboseta, nitsena azy mitondra boriky roa voaisy lasely sady ampitondraina mofo roan-jato sy voaloboka maina

zato sampaho sy voankazo masaka fahavaratra zato ary divay iray tavoara. **2** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Ziba: Ahoana no hevitrao amin' ireto? Dia hoy Ziba: Ny boriky dia ho an' ny ankohonan' ny mpanjaka itaingenany; ary ny mofo sy ny voankazo masaka fahavaratra hohanin' ny zatovo; ary ny divay hosotroin' izay reraka any anefitra. **3** Dia hoy ny mpanjaka: Aiza ny zanakalahin' ny tomponao? Ary hoy Ziba tamin' ny mpanjaka: Indro, mitoetra any Jerosalema izy; fa hoy izy: Anio no hampodian' ny taranak' Isiraely ny fanjakan' ikaky ho ahy. **4** Dia hoy ny mpanjaka tamin' i Ziba: Indro, anao izay rehetra an' i Mefiboseta. Ary hoy Ziba: Trarantitra anie ianao, aoka hahazo fitia eto imasonao aho, ry mpanjaka tompoko. **5** Ary nony nanakaiky an' i Bahorima Davida mpanjaka, indro, nisy lehilahy, tamingan' i Saoly ny anarany dia Simey, zanak' i Gera nivoaka avy tao izy ka nanozona teny ampandehanana. **6** Ary nitora-bato an' i Davida mpanjaka sy ny mpanompony rehetra izy; ary ny vahoaka rehetra sy ny lehilahy mahery rehetra dia teo amin' ny ankavanan' ny mpanjaka sy teo amin' ny ankaviany. **7** Ary hoy ny fanozon' i Simey: Mandehana, mandehana, ry lehilahy mpandatsa-drà sy tena ratsy fanahy! **8** Nataon' i Jehovah manody anao izao ny ran' ny tamingan' i Saoly, ilay nodimbiasanao fanjakana; ary Jehovah nanome ny fanjakana ho eo an-tànan' i Absaloma zanakao kosa; ary indro, efa idiran-doza izao ianao, satria mpandatsa-drà. **9** Ary hoy Abisay, zanak' i Zeroia, tamin' ny mpanjaka: Nahoana no avela hanozona ny mpanjaka tompoko io alika maty io? Trarantitra ianao, aoka aho handeha ka hanapaka ny lohany. **10** Fa hoy ny mpanjaka: Moa mifaninona akory izaho sy ianareo, ry zanak' i Zeroia? Raha manozona izy, sady Jehovah no nanao taminy hoe: Ozony Davida, dia iza indray no hanao hoe: Nahoana ianao no manao izany? **11** Ary hoy koa Davida tamin' i Abisay sy tamin' ny mpanompony rehetra: Indro, ny zanako naterako aza mitady ny aiko, ka mainka io Benjamita io! Avelao ihany izy hanozona, fa Jehovah no nampanao azy izany. **12** Angamba Jehovah hamindra fo amiko ny amin' ny heloko ary hamaly soa ahy noho izao ozona nanjo ahy androany izao. **13** Ary nony nandeha teny an-dalana Davida sy ny olony, dia nandeha tamin' ny ilan' ny havoana tandrifiny kosa Simey ka nanozona teny am-pandehanana sady nitora-bato nanandrify azy sy namafy vovoka. **14** Ary dia tonga tao ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra izay nanaraka azy sady efa reraka, ka dia naka aina teo izy. **15** Ary Absaloma sy ny vahoaka rehetra tamin' ny Isiraely dia tonga tany Jerosalema, ary Ahitofela koa dia teo aminy. **16** Ary Hosay Arkita, sakaizan' i Davida, dia tonga tao amin' i Absaloma ka nanao taminy hoe: Ho ela velona anie ny mpanjaka! ho ela velona anie ny mpanjaka! **17** Fa hoy Absaloma tamin' i Hosay: izao va no fitianao ny sakaizanao? Nahoana ianao no tsy mba nandeha niaraka tamin' ny sakaizanao? **18** Ary hoy Hosay tamin' i Absaloma: Tsia, fa izay nofidin' i Jehovah sa ireto vahoaka ireto mbamin' ny lehilahy amin' ny Isiraely, dia izy no hombako, sady ao aminy no hitoerako. **19** Ary koa, iza indray no hotompoiko? Tsy eo anatrehan' ny zanany va? Tahaka ny nanompoako teo anatrehan' ny rainao no hanompoako eto anatrehanao koa. **20** Ary hoy Absaloma tamin' i Ahitofela: Heveronareo tsara izay hataontsika. **21** Dia hoy Ahitofela tamin' i Absaloma: Midìra ao amin' ny vaditsindranon-drainao, izay nampiandrasiny trano; dia ho ren' ny Isiraely rehetra fa efa nanamaimbo tena eo anatrehan-drainao ianao, ka dia hahery ny tànan' izay rehetra momba anao. **22** Ary dia nanorin-day ho an' i Absaloma teo an-tampon-trano ny olona; ary Absaloma niditra tao amin' ny vaditsindranon-drainy teo imason' ny Isiraely rehetra. **23** Ary ny hevitr' i Ahitofela izay nataony tamin' izany dia hoatra ny manontany amin' Andriamanitra; toy izany avokoa ny hevitra rehetra nataon' i Ahitofela, na tamin' i Davida, na tamin' i Absaloma.

17 Ary hoy Ahitofela tamin' i Absaloma: Aoka aho hifantina lehilahy roa arivo amby iray alina ka hiainga hanenjika an' i Davida anio alina; **2** ary ho tonga ao aminy aho amin' ilay izy mbola sasatra sy reraka iny, ka dia hotairiko; dia handositra ny vahoaka rehetra izay any aminy, ary ny mpanjaka ihany no hasiako; **3** dia haveriko ho etỳ aminao ny vahoaka rehetra miankina amin' io lehilahy tadiavinareo io ny hiverenan' ny vahoaka rehetra, ka dia hiadana ny olona rehetra. **4** Ary sitrak' i Absaloma sy ny loholon' ny Isiraely rehetra izany. **5** Kanefa hoy Absaloma: Mba antsoy kosa Hosay Arkita, ary aoka ho rentsika koa izay teniny. **6** Ary nony tonga teo amin' i Absaloma Hosay dia hoy Absaloma taminy: Izao no hevitr' i Ahitofela; ka hanao araka ny teniny va isika? Sa ahoana kosa no hevitrao? **7** Ary hoy Hosay tamin' i Absaloma: Tsy mety ny hevitra nataon' i Ahitofela tamin' ity. **8** Ary hoy kosa Hosay: Hianao mahalala ny rainao sy ny olony, fa olona mahery izy sady masiaka tahaka ny bera very anaka any an-tsaha; ary lehilahy mpiady rainao ka tsy miara-mitoetra amin' ny vahoaka raha alina. **9** Fa, indro, miery any andavaka anankiray izy izao, na ao amin' ny fitoerana hafa; ka raha misy resiny amin' ny voalohany, izay mandre izany dia hanao hoe: Nahafatesana ny olona manaraka an' i Absaloma, **10** ary na dia izay mahery ka manana fo tahaka ny fon' ny liona aza dia ho ketraka tokoa; fa fantatry ny Isiraely rehetra fa lehilahy mahery rainao, sady lehilahy mahery koa ireny manaraka azy ireny. **11** Koa izao kosa no mba hevitro: Aoka hovorina ho eto aminao avokoa ny Isiraely rehetra hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba, toy ny fasika amoron-dranomasina no hamarony; ka dia ny tenanao no hankany an-tafika. **12** Dia ho tonga ao aminy amin' izay fitoerana anankiray hahitana azy isika, ka dia hilatsaka aminy toy ny filatsaky ny ando amin' ny tany, ka tsy hasiantsika miangana na dia iray akory aza izy mbamin' izay olona rehetra manaraka azy. **13** Fa raha miditra antanàna izy, dia hitondran' ny Isiraely rehetra mahazaka izany tanàna izany, ka dia hotarihintsika ho any amin' ny ony izany ambara-paha-tsy hisy na dia vato kely iray aza hita ao. **14** Ary hoy Absaloma sy ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely: Tsara noho ny hevitra nataon' i Ahitofela ny nataon' i Hosay Arkita. Fa efa notendren' i Jehovah ho foana ny sain-dalina nataon' i Ahitofela, hampidiran' i Jehovah loza amin' i Absaloma. **15** Dia hoy Hosay tamin' i Zadoka sy

Abiatara mpisorona: Izany ka izany no hevitra nomen' i Ahitofela an' i Absaloma sy ny loholon' ny Isiraely; ary izao ka izao kosa no hevitra nomeko azy. **16** Koa maniraha haingana izao, ary ambarao amin' i Davida hoe: Aza mitoetra any amin' ny fitàna any amin' ny efitra anio alina, fa mitàfaingana tokoa, fandrao ho levona na ny mpanjaka na ny olona rehetra any aminy. **17** Ary Jonatana sy Ahimaza nitoetra tao En-rogela; fa tsy sahy niseho tao an-tanàna izy; ary nisy ankizivavy anankiray nivoivoy nanambara taminy; dia lasa nandeha nanambara tany amin' i Davida mpanjaka kosa izy roa lahy. **18** Fa nisy zazalahy iray nahita azy ka nanambara tamin' i Absaloma; nefa lasa faingana izy roa lahy ka tonga tao an-tranon' olona tao Bahorima, izay nisy lavaka fantsakana tao an-tokotaniny, dia nidina tao izy roa lahy. **19** Ary nalain' ny vadin-dralehilahy ny rakotra ka narakony teo am-bavan' ny lavaka fantsakana, ary dia nanahy koba teo amboniny izy, ka tsy nisy nahalala. **20** Ary nony tonga tao amin-dravehivavy tao an-trano ny mpanompon' i Absaloma, dia nanao hoe: Aiza Ahimaza sy Jonatana teto? Fa hoy ravehivavy taminy: Tafita ny renirano kely izy izay. Ary nony efa nitady azy ireo ka tsy nahita, dia niverina nankany Jerosalema. **21** Ary nony efa lasa ireo, dia niakatra avy ao amin' ny lavaka fantsakana izy roa lahy, ka lasa nandeha izy, dia nanambara tamin' i Davida mpanjaka hoe: Miaingà, ka mità faingana ny rano; fa izany no hevitra nataon' i Ahitofela hamelezana anareo. **22** Dia niainga Davida sy ny olona nanaraka, azy, ka nita an' i Jordana izy; ary nony maraina ny andro, dia tsy tafita an' i Jordana na dia olona iray aza. **23** Ary nony hitan' i Ahitofela fa narahina ny hevitra nataony, dia nasiany lasely ny borikiny, dia niainga izy dia nody tany an-tranony tany an-tanànany; ary nanafatra ny ankohonany izy, dia nanaton-tena, ka dia maty ary nalevina tao amin' ny fasan-drainy. **24** Ary Davida tonga tao Mahanaima. Ary Absaloma nita an' i Jordana, dia izy sy ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely izay nanaraka azy. **25** Ary Amasa no notendren' i Absaloma ho komandin' ny miaramilany ho solon' i Joaba; ary Amasa dia zanak' ilay Isiraelita atao hoe Jitra, ilay nandry tamin' i Abigaila, zanakavavin' i Nahasy sady rahavavin' i Zeroia, renin' i Joaba. **26** Ary ny Isiraely sy ny Absaloma nitoby tany amin' ny tany Gileada. **27** Ary nony tonga tao Mahanaima Davida, dia, indreo, tamy Soby, zanak' i Amona, sy Makira, zanak' i Amiela, avy any Lo-debara, ary Barzilay Gileadita, avy any Rogelima, **28** Avy mitondra fandriana sy bakoly sy vilany tany sy vary hordea sy koba sy lango sy tsaramaso sy voanemba ary voanemba voaendy **29** sy tantely sy rononomandry sy ondry ary zanak' omby ho an' i Davida sy ny olona nanaraka azy; fa hoy izy: Noana sy sasatra ary mangetaheta atỳ an-efitra ny vahoaka.

18 Ary Davida nandamina ny olona izay nomba azy ka nanendry mpifehy arivo sy mpifehy zato hifehy azy. **2** Ary Davida nampandeha ny olona, ka ny ampahatelony nofehezin' i Joaba, ary ny ampahatelony nofehezin' i Abisay, zanak' i Zeroia, rahalahin' i Joaba, ary ny ampahatelony kosa nofehezin' Itahy Gatita. Ary hoy ny mpanjaka tamin' ny vahoaka: Izaho koa dia handeha hiaraka aminareo tokoa. **3** Fa hoy ny vahoaka: Tsy avelanay andeha ianao; fa raha mandositra izahay, dia tsy hahoany; ary na matiny sasaka aza izahay, dia tsy hahoany akory; fa ianao no hoatra ny iray alina aminay; koa tsara raha hamonjy anay avy tao an-tanàna ianao. **4** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Izay sitrakareo ary no hataoko. Dia nitsangana teo anilan' ny vavahady ny mpanjaka, ary ny vahoaka rehetra nivoaka isan-jato sy isan' arivo. **5** Ary ny mpanjaka nandidy an' i Joaba sy Abisay ary Itahy hoe: Noho ny amiko dia mamindrà fo amin' i Absaloma zatovo. Ary ny olona rehetra dia nahare ny nandidian' ny mpanjaka ny mpifehy rehetra ny amin' i Absaloma. **6** Ka dia nivoaka teny an-tsaha ny vahoaka hiady amin' ny Isiraely, ka rafitra tao amin' ny alan' i Efraima ny ady; **7** ary resy tao ny lehilahy amin' ny Isiraely teo anoloan' ny mpanompon' i Davida, ka be dia be no ringana androtrizay, dia olona roa alina. **8** Fa nihahakahaka teny rehetra teny ny ady; ka ny matin' ny ala androtrizay dia be noho ny matin' ny sabatra. **9** Ary Absaloma nifanehatra tamin' ny mpanompon' i Davida. Ary nitaingina ampondra izy, ary ny ampondra nandeha teo ambanin' ny rantsan-kazo mikirindro tamin' ny hazo terebinta, ka voahazon' ny hazo terebinta ny lohan' i Absaloma, ka dia nikiraviravy teo anelanelan' ny lanitra sy ny tany izy; fa lasa ny ampondra nitaingenany. **10** Ary nisy lehilahy anankiray nahita izany, dia nanambara tamin' i Joaba hoe: Indro, hitako mihantona amin' ny hazo terebinta Absaloma. **11** Ary hoy Joaba tamin' ilay lehilahy nilaza taminy: Koa nahoana, raha nahita azy ianao, no tsy nasianao hianjera amin' ny tany izy, ka dia tsy maintsy ho nomeko sekely volafotsy folo sy fehin-kibo ianao? **12** Fa hoy ralehilahy tamin' i Joaba: Na dia efa mby an-tanako aza ny sekely volafotsy arivo, tsy haninjitra ny tanako hamely ny zanaky ny mpanjaka aho; fa teo anatrehanay no nandidian' ny mpanjaka anao sy Abisay ary Itahy hoe: Samia mitandrina an' i Absaloma zatovo. **13** Tsy misy zavatra azo afenina amin' ny mpanjaka, koa raha nanao hafahafa taminy aho, na dia ianao io aza dia ho nitsangana hanameloka ahy. **14** Dia hoy Joaba: Tsy handany andro foana eto aminao aho. Ary nitondra lefona telo teny an-tanany Izy, ka natsatony tamin' ny fon' i Absaloma, raha mbola velona teo amin' ny hazo terebinta izy. **15** Ary nisy tovolahy folo, mpitondra ny fiadian' i Joaba, nanodidina an' i Absaloma ka namely azy ho faty. **16** Ary Joaba nitsoka ny anjomara, ka dia niverina avy nanenjika ny Isiraely ny vahoaka, satria niantran' i Joaba izy. **17** Dia nalain' ny olona Absaloma ka natsipiny tao an-davaka lehibe anankiray tao anaty ala, dia nasiany antontam-bato lehibe teo amboniny; ary ny Isiraely rehetra samy nandositra ho any amin' ny lainy avy. **18** Ary fony mbola velona Absaloma, dia efa naka vato izy ka nanao ilay tsangam-bato ho azy tao an-dohasahan' ny Mpanjaka, fa hoy izy: Tsy manan-janakalahy hamelo-maso ahy aho; ary dia nataony araka ny anaran' ny tenany ihany ilay tsangam-bato, ka mbola atao hoe: Fahatsiarovana an' i Absaloma no anarany mandraka androany. **19** Dia hoy Ahimaza, zanak' i Zadoka: Aoka aho hihazakazaka hitondra teny mahafaly ho any amin' ny mpanjaka ny amin' ny nanomezan' i Jehovah azy ny rariny ka nahafahany tamin' ny fahavalony. **20** Fa hoy

Joaba taminy: Tsy ho mpitondra teny mahafaly ianao, raha mandeha anio, satria maty ny zanakalahin' ny mpanjaka, fa andro hafa dia mbola hitondra teny mahafaly ihany ianao. **21** Ary hoy Joaba tamin' ilay Kosita: Andeha, ambarao amin' ny mpanjaka izay efa hitanao. Ary ilay Kosita niankohoka teo anatrehan' i Joaba, dia lasa nihazakazaka. **22** Fa Ahimaza, zanak' i Zadoka, dia mbola niteny tamin' i Joaba ihany nanao hoe: Ka nahoana aza, aoka ihany aho mba hiezaka koa hanaraka ilay Kosita. Fa hoy Joaba: Ahoana no hiezahanao, anaka; fa na dia mandeha aza ianao, tsy hisy teny mahafaly hahazoanao fitia tsinona? **23** Ka nahoana aza, hoy izy: Aoka ihany aho hiezaka. Dia hoy Joaba taminy: Miezaha ary. Ary dia niezaka tamin' ny lalana eny amin' ny lemaka Ahimaza ka nihoatra an' ilay Kosita. **24** Ary Davida nipetraka teo anelanelan' ny vavahady roa; ary ny mpitily niakatra teo ambony vavahady teo amin' ny manda, ka nanopy ny masony, dia nahita, ka indry misy lehilahy iray mihazakazaka. **25** Ary ny mpitily niantso ka nilaza tamin' ny mpanjaka. Dia hoy ny mpanjaka: Raha irery izy, dia ho teny mahafaly no entiny. Ary mbola nanatona anatona ihany ralehilahy. **26** Ary ny mpitily nahita lehilahy iray koa nihazakazaka, dia niantso ny mpiandry vavahady izy nanao hoe: Indry koa misy lehilahy iray tamy mihazakazaka. Dia hoy ny mpanjaka: Mitondra teny mahafaly ihany koa izy. **27** Ary hoy ny mpitily: Raha toa ahy, dia tahaka ny fihazakazak' i Ahimaza, zanak' i Zadoka, no fihazakazak' iny aloha. Ary hoy ny mpanjaka: Lehilahy tsara fanahy iny, ka hitondra teny soa mahafaly no ihaviany. **28** Ary Ahimaza niantso ka nanao tamin' ny mpanjaka hoe: Fiadanana! sady niankohoka tamin' ny tany teo anatrehan' ny mpanjaka izy ka nanao hoe: Isaorana anie Jehovah Andriamanitrao, Izay efa nanolotra ny olona nanainga tanana hikomy amin' ny mpanjaka tompoko. **29** Dia hoy ny mpanjaka: Tsara ihany va Absaloma zatovo? Fa hoy Ahimaza: Tamin' ny nanirahan' i Joaba ny mpanompon' ny mpanjaka sy izaho mpanomponao koa dia nandre tabataba be aho, nefa tsy fantatro izay antony. **30** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Mitanilà kely ary, ka mijanòna etsy; dia nitanila izy ka nitoetra teo. **31** Ary, indro, avy ilay Kosita ka nanao hoe: Aoka ny mpanjaka tompoko hihaino teny mahafaly; fa Jehovah efa nanome anao ny rariny ka nahafaka anao ankehitriny tamin' izay rehetra nitsangana hikomy aminao. **32** Ary hoy ny mpanjaka tamin' ilay Kosita: Tsara ihany va Absaloma zatovo? Fa hoy ilay Kosita: Aoka ny fahavalon' ny mpanjaka tompoko sy izay rehetra mitsangana hanisy ratsy anao ho tahaka iny zatovo iny. **33** Ary dia niontana terỳ ny fon' ny mpanjaka, ka niakatra nankeo amin' ny efi-trano teo ambony vavahady izy sady nitomany teny am-pandehanana ka nanao hoe: Ry Absaloma, zanako, zanako, ry Absaloma, zanako ô! Inay anie aho no maty nisolo anao, ry Absaloma zanako, zanako ô!

19 Ary nambara tamin' i Joaba hoe: Indro, mitomany sy misaona an' i Absaloma ny mpanjaka. **2** Ary ny famonjena dia tonga fisaonana tamin' ny vahoaka rehetra androtrizay, satria ren' ny vahoaka tamin' izany andro izany hoe: Malahelo ny zanany ny mpanjaka. **3** Ka dia niakatra nisokosoko tao an-tanàna ny olona tamin' izany andro izany, toy ny fisokosokon' ny olona menatra raha mandositra amin' ny ady. **4** Fa ny mpanjaka nanarona ny tavany sady nidradradradra tamin' ny feo mafy hoe: Ry Absaloma, zanako, ry Absaloma, zanako, zanako ô! **5** Ary niditra tao amin' ny mpanjaka tao an-trano Joaba ka nanao hoe: Efa nomenarinao androany ny mpanomponao rehetra izay namonjy ny ainao androany sy ny ain' ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy ary ny ain' ny vadinao sy ny vaditsindranonao; **6** fa ny mankahala anao no tianao, ary ny tia anao kosa no halanao, ka nasehonao androany fa tsinontsinona aminao ny manamboninahitra sy ny miaramila; ary hitako izao fa raha velona Absaloma, ka izahay rehetra no maty androany, dia izany no sitrakao. **7** Koa mitsangàna ankehitriny, ka mivoaha, ary manaova teny soa amin' ny mpanomponao; fa mianiana amin' i Jehovah aho fa raha tsy mivoaka ianao, dia tsy hisy na dia iray akory aza hitoetra eto aminao anio alina; ka dia izany no ho mafy lavitra aminao noho ny fahoriana rehetra izay nanjo anao hatry ny fony ianao vao zaza ka ambaraka ankehitriny. **8** Dia nivoaka ny mpanjaka ka nijanona teo am-bavahady; ary nolazaina tamin' ny vahoaka rehetra hoe: Indro, ny mpanjaka mijanona eo am-bavahady. Ary ny vahoaka rehetra dia nankeo anatrehan' ny mpanjaka. Ary ny Isiraely dia samy efa lasa nandositra ho any amin' ny lainy avy. **9** Ary ny vahoaka rehetra tamin' ny firenen' Isiraely nifanditra hoe: Ny mpanjaka no namonjy antsika tamin' ny tanan' ny fahavalontsika, indrindra fa tamin' ny tanan' ny Filistina; nefa ankehitriny dia efa nandositra niala tamin' ny tany izy noho ny amin' i Absaloma. **10** Ary Absaloma, izay nohosorantsika hanjaka amintsika, dia efa maty tamin' ny ady. Koa nahoana ianareo no tsy miteny akory ny amin' ny hampodiana ny mpanjaka? **11** Ary Davida mpanjaka naniraka tany amin' i Zadoka sy Abiatara mpisorona ka nanao hoe: Ataovy amin' ny loholon' ny Joda hoe: Nahoana no dia ianareo indray no ho farany amin' ny fampodiana ny mpanjaka ho any an-tranony? fa ny tenin' ny Isiraely rehetra efa tonga tao amin' ny mpanjaka tao an-tranony **12** rahalahiko ianareo, ary taolako sy nofoko ianareo; koa nahoana no dia ianareo Indray no ho farany amin' ny fampodiana ny mpanjaka? **13** Ary ataovy amin' i Amasa koa hoe: Tsy taolako sy nofoko va ianao? Hataon' Andriamanitra amiko anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha tsy komandin' ny miaramila eo anatrehako mandrakariva ho solon' i Joaba ianao. **14** Ary dia nampitodika ny fon' ny lehilahy rehetra amin' ny Joda ho toy ny olona iray izy; ka dia naniraka tany amin' ny mpanjaka izy ka nanao hoe: Modia ianao sy ny mpanomponao rehetra. **15** Ary dia nody ny mpanjaka ka tonga tao Jordana; ary ny Joda tonga tao Gilgala hitsena ny mpanjaka hitondra azy hita an' i Jordana. **16** Ary Simey, zanak' i Gera, Benjamita avy any Bahorina, dia nidododo nidina araka tamin' ny lehilahy amin' ny Joda tsena an' i Davida mpanjaka. **17** Ary nisy benjamita arivo lahy koa nanaraka azy, ary Ziba, mpanompon' ny taranak' i Saoly, mbamin' ny zananilahy dimy ambin' ny folo sy mpanompony roa-polo lahy izay nanaraka azy; ary dia nita an' i Jordana teo alohan' ny

mpanjaka izy ireo. **18** Ary navoivoy teo ny lakana hampitana ny ankohonan' ny mpanjaka sy hanaovany izay sitrany. Ary nony efa hita an' i Jordana ny mpanjaka, dia indro Simey, zanak' i Gera, niankohoka teo anatrehany. **19** Ary hoy izy tamin' ny mpanjaka: Aoka tsy hisain' ny tompoko heloka aho, ary aoka tsy hotsarovanao ny ratsy nataon' ny mpanomponao tamin' ny andro nivoahan' ny mpanjaka tompoko niala tany Jerosalema, ary aoka tsy ho eritreretin' ny mpanjaka izany; **20** fa fantatro, izaho mpanomponao, fa nanota aho; ka he! izaho no avy voalohany androany amin' ny taranak' i Josefa rehetra ka nidina hitsena ny mpanjaka tompoko. **21** Fa namaly Abisay, zanak' i Zeroia, ka nanao hoe: Tsy hovonoina va Simey noho izany, satria efa nanozona ny voahosotr' i Jehovah izy? **22** Dia hoy Davida: Moa mifaninona akory izaho sy ianareo, ry zanak' i Zeroia, no tonga mpanohitra ahy ianareo anio? Tokony hisy olona hatao maty va eto amin' ny Isiraely izao? Fa moa tsy fantatra va fa izaho no mpanjakan' ny Isiraely anio? **23** Ary dia hoy ny mpanjaka tamin' i simey: Tsy ho faty ianao. Ary ny mpanjaka dia nianiana taminy. **24** Ary Mefiboseta, zanakalahin' i Saoly, nidina hitsena ny mpanjaka, ary tsy nanasa tongotra na namboatra volom-bava na nanasa lamba izy hatramin' ny andro nialan' ny mpanjaka ka hatramin' ny andro nahatongavany soa aman-tsara. **25** Ary nony efa tonga hitsena ny mpanjaka ny avy any Jerosalema, dia hoy ny mpanjaka taminy: Nahoana no tsy mba nandeha niaraka tamiko ianao, ry Mefiboseta? **26** Fa hoy izy: Ry mpanjaka tompoko, nofitahin' ny mpanompoko aho: Hanisy lasely ny boriky aho hitaingenako ka hankany amin' ny mpanjaka; fa malemy tongotra ny mpanomponao. **27** Nefa nendrikendrehiny tamin' ny mpanjaka tompoko izaho mpanomponao; fa ny mpanjaka tompoko dia hoy Ilay Anjelin' Andriamanitra; koa ataovy izay sitrakao. **28** Fa ny taranaky ny raiko rehetra dia samy olona tokony ho faty teo anatrehan' ny mpanjaka tompoko; nefa ianao nampitoetra ahy mpanomponao ho isan' izay mihinana amin' ny latabatrao. Koa inona intsony no rariny ho ahy, ary inona no mbola hitarainako amin' ny mpanjaka? **29** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Nahoana no lazainao indray ny raharahanao? Nefa izaho efa nilaza hoe: Hianao sy Ziba no hizara ny tany. **30** Ary hoy Mefiboseta tamin' ny mpanjaka: Aoka dia ho azy avokoa izy rehetra, fa ianao mpanjaka tompoko efa tonga soa aman-tsara ao amin' ny tranonao indray. **31** Ary Barzilay Gileadita nidina avy tany Rogelima, dia niara-nita an' i Jordana tamin' ny mpanjaka izy mba hanatitra azy hita an' i Jordana. **32** Ary Barzilay dia lehilahy antitra, efa valo-polo taona; ary izy efa nanome hanina ny mpanjaka, raha nitoetra tany Mahanaima izy; fa mpanjatobe indrindra izy. **33** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Barzilay: Andeha hiara-mita amiko ianao hovelomiko any amiko any Jerosalema. **34** Fa hoy Barzilay tamin' ny mpanjaka: Hoatrinona intsony moa no andro hahavelomako, no hiara-miakatra amin' ny mpanjaka hankany Jerosalema aho? **35** Valo-polo taona izay ny andro nahavelomako, ka mahalala izay soa sy ratsy intsony va aho? Mahatsiaro ny tsiron-javatra haniko sy sotroiko intsony va aho mpanomponao? Mahare izay feon' ny mpihiralahy sy ny mpihiravavy intsony va aho? Koa nahoana ny mpanomponao no mbola ho entamavesatra amin' ny mpanjaka tompoko? **36** Kely foana no handehanan' ny mpanomponao eo an-dafin' i Jordana hiaraka amin' ny mpanjaka; koa nahoana ny mpanjaka no dia hamaly fitia ahy loatra toy izany? **37** Trarantitra ianao, aoka aho mpanomponao hody ihany ka ho fety any amin' ny vohitro ao akaikin' ny fasan' ikaky sy ineny. Fa indro Kimama mpanomponao; aoka izy no hiaraka amin' ny mpanjaka tompoko, ary ataovy aminy izay sitrakao. **38** Dia hoy ny mpanjaka: Handeha hiaraka amiko tokoa Kimama, ka hataoko aminy izay sitrakao, ary izay angatahinao dia hataoko ho anao. **39** Ary ny vahoaka rehetra nita an' i Jordana. Ary nony tafita ny mpanjaka, dia norohan' ny mpanjaka Barzilay sady notsofiny rano, ary dia lasa nody ho any amin' ny fonenany izy. **40** Dia nandroso nankany Gilgala mpanjaka, ary Kimama niaraka taminy; ny lehilahy rehetra amin' ny Joda sy ny antsasaky ny lehilahy amin' ny Isiraely koa nanatitra ny mpanjaka. **41** Ary, indreo, ny lehilahy rehetra amin' Isiraely nankao amin' ny mpanjaka ka nanao taminy hoe: Nahoana ny lehilahy amin' ny Joda, rahalahinay, no nangalatra anao ka nitondra ny mpanjaka sy ny ankohonany ary ny olon' i Davida rehetra teny aminy hita an' i Jordana? **42** Ary ny lehilahy rehetra amin' ny Joda dia namaly ny lehilahy amin' ny Isiraely hoe: Satria havanay akaiky ny mpanjaka; ka ahoana no mahatezitra anareo amin' izany? Nadany ny mpanjaka va izahay? Na nanome zavatra anay akory va izy? **43** Ary ny lehilahy amin' ny Isiraely kosa namaly ny lehilahy amin' ny Joda hoe: Izahay manana anjaram-polo amin' ny mpanjaka; eny, izahay manana an' i Davida mihoatra noho ianareo; koa ahoana ianareo no nanao tsinontsinona anay? Tsy izahay va no niteny talohanareo nampody ny mpanjakanay? Ary ny tenin' ny lehilahy amin' ny Joda dia lozaloza kokoa noho ny tenin' ny lehilahy amin' ny Isiraely.

20 Ary sendra nisy lehilahy iray tena ratsy fanahy teo, Seba no anarany, zanak' i Bikry Benjamita; ary nitsoka ny anjomara izy sady niantso hoe: Isika tsy manana anjara amin' i Davida na lova amin' ny zanak' i Jese; samia mody any amin' ny lainy avy, ry Isiraely ô. **2** Ka dia samy niara-nandao an' i Davida ny lehilahy amin' ny Isiraely ka nanaraka an' i Seba, zanak' i Bikry; fa ny lehilahy amin' ny Joda no nifikitra tamin' ny mpanjakany hatrany Jordana ka hatrany Jerosalema. **3** Ary nony tonga tao an-tranony tany Jerosalema Davida mpanjaka, dia nalainy ny vaditsindranony folo vavy izay navelany hiandry trano tao, ka nataony tao an-trano fiambenana ary nomeny fivelomana, fa tsy nandriany intsony. Ka dia nambenana tao mandra-pahafatiny ireo ka velona tsy nanam-bady intsony. **4** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Amasa: Vorio ny lehilahy amin' ny Joda ho eto amiko amin' ny hateloana, ary aoka mba ho eto koa ny tenanao. **5** Ary dia lasa Arnasa namory ny Joda, fa nandiso ny fotoan' andro nomeny azy izy. **6** Ary hoy Davida tamin' i Abisay: Ankehitriny izao dia Seba, zanak' i Bikry no ahitantsika loza mihoatra noho Absaloma; koa ento ny mpanomponao ny tomponao, ka enjeho izy, fandrao mahazo tanàna mimanda ka tsy ho azontsika.

7 Ary dia nivoaka hanenjika azy ny olon' i Joaba sy ny miaramila mpiambina andriana ary ny lehilahy mahery rehetra; dia nivoaka avy tany Jerosalema ireo hanenjika an' i Seba, zanak' i Bikry. **8** Fa nony tonga tao amin' ilay vato lehibe tao Gibeona izy, dia avy Amasa nitsena azy; ary ny akanjo fiadian' i Joaba, ilay niakanjoany, dia nofehezina taminy, ary teo amboniny teo am-balahany no nisy ny fehintsabany ambamin' ny tranony; ary nony nandeha izy, dia latsaka ny sabatra. **9** Ary hoy Joaba tamin' i Amasa: Tsara ihany va ianao, ry rahalahy? Dia noraisin' i Joaba tamin' ny tànany ankavanana ny somotr' i Amasa horohany. **10** Fa Amasa tsy nanahinahy ny sabatra teny an-tànan' i Joaba, kanjo nasiany tamin' ny kibony izy, ka dia nivaroraka tamin' ny tany ny tsinainy, ary tsy nasiany intsony, fa matiny tamin' izay. Ary Joaba sy Abisay rahalahiny nanenjika an' i Seba, zanak' i Bikry. **11** Ary ny zatovon' i Joaba anankiray nijanona teo anilan' ny faty ka nanao hoe: Izay miandany amin' i Joaba sy Davida dia aoka hanaraka an' i Joaba. **12** Ary Amasa nihosin-drà teo anaty lalambe. Ary raha hitandralehilahy fa nijanona ny olona rehetra, dia nafindrany niala teo amin' ny lalambe ho any an-tsaha ny fatin' i Amasa ka nosaronany lamba, nony hitany fa nijanona izay rehetra mandalo azy. **13** Ary nony nafindrany niala teo amin' ny lalambe izy, dia nizotra nanaraka an' i Joaba ny olona rehetra hanenjika an' i Seba, zanak' i Bikry. **14** Ary izy nandeha namaky ny firenen' Isiraely rehetra hatrany Abela sy Beti-maka sy ny an' ny Berita rehetra; ary nivory ireo, ka dia mba lasa nanaraka azy. **15** Ary dia tonga izy ka nanao fahirano azy teo Abela sy Beti-maka, ary nanandratra tovontany tandrifin' ny tanàna izy, ka teo ivelany manolotra ny manda no nitoerany; ary ny olona izay nomba an' i Joaba dia namely nandrava ny manda. **16** Ary nisy vehivavy hendry tao an-tanàna niantso hoe: Mihainoa, mihainoa e; masìna ianareo, lazao amin' i Joaba hoe: Mankanesa erỳ aminy, hono, ianao, fa misy holazainy aminao. **17** Ary nony efa mby tao akaiky izy, dia hoy ravehivavy: Hianao va no Joaba? Dia hoy izy: Eny, izaho no izy. Ary hoy ravehivavy taminy: Mihainoa ny teniko mpanompovavinao. Dia hoy izy: Mihaino aho izao. **18** Ary hoy ravehivavy: Izao no fitenin' ny olona taloha: Aoka hanadina ao Abela izy; koa araka izany ny nahavitany raharaha. **19** Izaho dia isan' ny tia fihavanana sady olona mahatoky eto amin' ny Isiraely; fa ianao kosa mitady handrava renivohitra eto amin' ny. Isiraely, koa ahoana no hamongoranao ny lovan' i Jehovah? **20** Ary Joaba namaly hoe: Sanatria dia sanatria amiko izay handripaka sy handringana. **21** Tsy izany tsy akory; fa misy lehilahy avy amin' ny tany havoan' i Efraima, Seba no anarany, zanak' i Bikry, izay efa nanainga tanana hikomy amin' i Davida mpanjaka; koa izy ihany no atolory ahy, dia hiala amin' ny tanàna aho. Ary hoy ravehivavy tamin' i Joaba: Indro, ny lohany atsipy eny aminao eny ankoatry ny manda. **22** Dia lasa nanatona ny olona rehetra tamin' ny fahendreny ravehivavy. Dia notapahin' ireo ny lohan' i Seba, zanak' i Bikry, ka natsipiny teny amin' i Joaba. Ary Joaba nitsoka ny anjomara, ka dia niala tamin' ny tanàna ny olona samy ho any amin' ny lainy avy. Ary Joaba niverina nankany Jerosalema ho any amin' ny mpanjaka. **23** Ary Joaba no komandin' ny miaramila rehetra tamin' ny Isiraely; ary Benaia, zanak' i Joiada, no mpifehy ny miaramila mpiambina andriana; **24** ary Adorama no komandin' ny mpanao fanompoana; ary Josafata, zanak' i Ahiloda, no mpitadidy ny raharaham-panjakana; **25** ary Seva no mpanoratra; ary Zadoka sy Abiatara no mpisorona; **26** ary Ira Jairita kosa no mpanolo-tsaina an' i Davida.

21 Ary nisy mosary telo taona misesy tamin' ny andron' i Davida, ary Davida nanontany tamin' i Jehovah. Dia hoy Jehovah: Avy amin' ny taranak' i Saoly, izay meloka noho ny fandatsahan-drà izao, satria namono ny Gibeonita izy. **2** Ary ny mpanjaka nampaka ny Gibeonita ka nanao taminy hoe (ny Gibeonita tsy mba isan' ny Zanak' Isiraely, fa sisa tamin' ny Amorita, ary ny Zanak' Isiraely efa nianiana taminy; nefa Saoly nitady izay hamelezany azy amin' ny firehetan' ny fitiavany ny Zanak' Isiraely sy ny Joda), **3** ary hoy Davida tamin' ny Gibeonita: Inona no hataoko ho anareo; ary amin' inona no hanaovako fanavotana mba hitsofanareo rano ny lovan' i Jehovah? **4** Dia hoy ny Gibeonita taminy: Izahay tsy mahazo mandray volafotsy na volamena amin' i Saoly na amin' ny taranany sady tsy mahazo mamono olona amin' ny Isiraely Ary hoy izy: Koa ahoana ary no tianareo hataoko ho anareo? **5** Dia hoy izy ireo tamin' ny mpanjaka: Ny lehilahy izay nandringana anay sy nikasa hamely anay ho ringana tsy hitoetra amin' ny tanin' ny Isiraely rehetra **6** no avelao hisy fito lahy amin' ny zanany hatolotra anay hahantonay ho an' i Jehovah ao Gibean' i Saoly, ilay voafidin' i Jehovah. Dia hoy ny mpanjaka: Hatolotro izy. **7** Fa ny mpanjaka niaro an' i Mefiboseta, zanak' i Jonatana, zanak' i Saoly, noho ny fianianana tamin' i Jehovah nataon' i Davida sy Jonatana, zanak' i Saoly. **8** Ary ny mpanjaka naka azy roa lahy, zanak' i Rizpa, zanakavavin' i Aia, izay naterany tamin' i Saoly, dia Armony sy Mefiboseta, ary ny dimy lahy zanak' i Mikala, zanakavavin' i Saoly, izay naterany tamin' i Adriela, zanak' i Barzilay Meholatita, **9** dia natolony teo an-tànan' ny Gibeonita ireo ka nahanton' ireo teo amin' ny havoana teo anatrehan' i Jehovah; ary niara-maty izy fitolahy, samy novonoiny tamin' ny niandohan' ny fararano tamin' ny voalohan' ny taom-pijinjana ny vary hordea izy. **10** Ary Rizpa, zanakavavin' i Aia, naka lamba fisaonana, dia novelariny teo amin' ny vatolampy iny hitoerany hatramin' ny niandohan' ny taom-pijinjana ka ambara-pilatsaky ny orana avy any an-danitra tamin' ny faty, ka tsy navelany hipetrahan' ny voro-manidina ireo raha antoandro, na ny bibi-dia raha alina. **11** Ary nambara tamin' i Davida izay nataon' i Rizpa, zanakavavin' i Aia, vaditsindranon' i Saoly. **12** Dia lasa Davida naka ny taolan' i Saoly sy ny taolan' i Jonatana zanany tany amin' ny mponina tao Jabesi-gileada, izay nangalatra azy tao an-kalalahana any Beti-sana, ilay nanantonan' ny Filistina azy tamin' ny andro namonoan' ny Filistina an' i Saoly tao Gilboa. **13** Ary dia nentiny niakatra avy tany ny taolan' i Saoly sy ny taolan' i Jonatana zanany, ary nangoniny koa ny taolan' ireo voahantona ireo. **14** Ary ny taolan' i Saoly sy Jonatana zanany dia nalevin' ny olona tao amin' ny tanin' ny Benjamina tao

Zela, tao amin' ny fasan' i Kisy rainy; ary dia vitany izay rehetra nandidian' ny mpanjaka. Ary nony efa vita izany, dia neken' Andriamanitra ny fifonana natao ho an' ny tany. **15** Ary niady indray ny Filistina sy ny Isiraely; ary Davida sy ny mpanompony izay nanaraka azy dia nidina ka niady tamin' ny Filistina, ary reraka Davida. **16** Ary Jisbibenoba, izay isan' ny taranaky ny Refaïta (ny lanjan' ny lefony dia varahina telon-jato sekely), dia nitondra fiadiana vaovao ka nikasa hahafaty an' i Davida. **17** Fa Abisay, zanak' i Zeroia, nanampy azy, dia namely ilay Filistina ka nahafaty azy. Ary tamin' izay ny olon' i Davida dia nianiana taminy ka nanao hoe: Tsy hiara-mivoaka aminay intsony ho amin' ny ady ianao, fandrao hovonoinao ny fahazavan' ny Isiraely. **18** Ary nony afaka izany, dia nisy ady indray amin' ny Filistina teo Goba, ary Sibeka Hosatita nahafaty an' i Safa, izay isan' ny taranaky ny Refaïta. **19** Ary nisy ady indray koa tamin' ny Filistina teo Goba, ary Elanana, zanak' i Jareoregima Betlehemita, namono an' i Goliata Gatita, izay nanan-jaran-defona tahaka ny vodi-tenon' ny mpanenona. **20** Ary nisy ady koa tao Gata, ary nisy lehilahy vaventy, izay enin-drantsana, ka dia efatra amby roa-polo no isan' ny rantsan-tànany sy ny rantsan-tongony, ary izy koa dia mba teraky ny Refaïta. **21** Ary izy nihaika ny Isiraely, ka matin' i Jonatana, zanak' i Simea, rahalahin' i Davida. **22** Ireo efatra ireo no teraky ny Refaïta teo Gata, ka matin' ny tànan' i Davida sy ny tanan' ny mpanompony avokoa ireo.

22 Ary Davida nanao izao fihirana izao ho an' i Jehovah tamin' ny andro namonjen' i Jehovah azy tamin' ny tanan' ny fahavalony rehetra, indrindra fa tamin' ny tànan' i Saoly, **2** ka hoy izy: Jehovah no harambatoko sy batery fiarovana ho ahy ary Mpamonjy ahy, **3** Andriamanitra vatolampiko, Izy no ialofako, Ampingako sy tandroko famonjena Izy ary fiarovana avo ho ahy sy fandosirako; Ry Mpamonjy ahy, mahafaka ahy amin' ny fampahoriana Hianao. **4** Miantso an' i Jehovah Izay mendrika hoderaina aho, Ka dia vonjena ho afaka amin' ny fahavaloko. **5** Fa nihodidina tamiko ny onjan' ny fahafatesana. Ary ny riaky ny faharatsiana nampahatahotra ahy. **6** Ny famatoran' ny fiainan-tsi-hita nihodidina tamiko, nisakana ahy ny fandriky ny fahafatesana. **(Sheol h7585)** **7** Fony azom-pahoriana aho, dia niantso an' i Jehovah, eny, Andriamanitro no nitarainako; nihaino ny feoko tao an-tempoliny Izy, ary ny fitarainako dia efa tonga eo an-tsofiny. **8** Dia nihozongozona sy nihorohoro ny tany, ary ny fiorenan' ny lanitra nihorohoro, eny, nihozongozona ireo, satria tezitra Jehovah. **9** Nisy setroka nisavoana teo am-bavorony, ary afo avy teo am-bavany no nandevona ka nisy vainafo nidedadeda teo aminy. **10** Dia naondriny ny lanitra, ka nidina Izy; Ary aizim-pito no teo ambanin' ny tongony. **11** Dia nitaingina kerobima Izy ka nanidina, eny, niseho teo amin' ny ela-drivotra Izy. **12** Efa nanao ny maizina ho tranony manodidina Azy Izy, dia fivorian-drano sy rahona matevina **13** Ary avy teo amin' ny famirapiratana teo anatrehany nisy vainafo nidedadeda. **14** Dia nampikotroka tany an-danitra Jehovah, ny Avo Indrindra niloa-peo. **15** Dia nandefa zana-tsipìka Izy ka nampiely ny fahavaloko, ary nampandeha helatra ka nampifanaritaka azy. **16** Dia hita ny fitoeran-dranomasina, ary niseho ny fanambanin' ny tany, noho ny teny mafy nataon' i Jehovah, noho ny fifofofofon' ny fofonain' ny vavorony. **17** Naninjitra ny tànany avy tany ambony Izy ka nandray ahy; nanintona ahy niala tamin' ny rano be Izy. **18** Namonjy ahy tamin' ny fahavaloko mahery Izy sy tamin' izay nankahala ahy, satria tsy leoko ireny. **19** Nisakana ahy tamin' ny andro nahitako loza ireny, nefa Jehovah no niseho ho Mpanohana ahy. **20** Dia nitondra ahy ho any amin' ny malalaka Izy; namonjy ahy Izy, satria tiany aho. **21** Nanisy soa ahy araka ny fahamarinako Jehovah; Araka ny fahadiovan' ny tanako no namaliany ahy. **22** Fa nitandrina ny lalan' i Jehovah aho ka tsy mba nanao ratsy hialana tamin' Andriamanitro; **23** Ny fitsipiny rehetra dia teo anatrehako, ary ny lalàny tsy mba nialako; **24** Tsy nanan-tsiny taminy aho sady niaro tena tsy ho azon' ny fahotako; **25** Koa namaly ahy araka ny fahamarinako Jehovah, dia araka ny fahadiovako teo imasony. **26** Ny olona tsara no isehoanao fa tsara; Ny tena olo-marina no isehoanao fa marina; **27** Ny madio no isehoanao fa madio; Ary ny mpiolakolaka kosa no isehoanao fa lalin-tsaina. **28** Fa ny olona ory dia vonjenao; Fa ny masonao manandrina ny mpiavonavona, ka aetrinao ireny. **29** Fa Hianao no jiroko, Jehovah ô; Jehovah mampahazava ny fahamaizinako. **30** Fa Hianao no ahazoako mitsarapaka hamely ny miaramila iray toko; Ary Andriamanitro no ahazoako mitsambikina mihoatra ny manda. **31** Raha ny amin' Andriamanitra, dia marina ny lalany; Ny tenin' i Jehovah dia voazaha toetra amin' ny memy; Jehovah no ampingan' izay rehetra mialoka aminy. **32** Fa iza no Andriamanitra afa-tsy Jehovah? Ary iza no vatolampy afa-tsy Andriamanitsika? **33** Izany Andriamanitra izany no fiarovana mafy ho ahy; Mitondra ny marina amin' ny lalany Izy. **34** Ary manao ny tongony ho tahaka ny an' ny dieravavy Izy; Mampitoetra ahy eo amin' ny fitoerako avo Izy. **35** Mampianatra ny tanako hiady Izy, ka mahahenjana tsipìka varahina ny sandriko. **36** Omenao ahy ny ampingan' ny famonjenao; Ary ny fahamoram-panahinao no mahalehibe ahy. **37** Halalahinao ny lalana hodiaviko, ka tsy mangovitra ny hato-tongotro. **38** Manenjika ny fahavaloko aho ka mandripaka azy; Ary tsy mba miverina aho mandra-pahalany ritrany. **39** Mandringana sy mandripaka azy aho, ka tsy maharina izy; Lavo eo ambanin' ny tongotro izy. **40** Hianao mampisikina ahy hery hiady; Aripakao ho ambaniko izay mitsangana hamely ahy. **41** Ary ataonao miamboho ahy ny fahavaloko; Ka aringako izay mankahala ahy. **42** Miherikerika izy, fa tsy misy mpamonjy, eny, maniry an' i Jehovah izy, fa tsy mamaly azy Izy. **43** Torotoroiko madinika tahaka ny vovotany izy; Hoseko tahaka ny fotaka eny an-dalana izy ka apariako. **44** Mamonjy ahy amin' ny fifanoheran' ny oloko Hianao sy miaro ahy ho lohan' ny firenen-tsamy hafa; ny firenena tsy fantatro aza dia manompo ahy. **45** Ny hafa firenena mikoy ahy; Raha vao mahare ny lazako fotsiny ihany aza izy, dia manoa ahy. **46** Ny hafa firenena dia mihaketraka ka miala amin-kovitra avy ao amin' ny fiarovany mafy. **47** Velona Jehovah; isaorana anie ny Vatolampiko; Asandratra anie Andriamanitry ny vatolampy famonjena

ahy, **48** Dia Andriamanitra, Izay manao famaliana ho ahy ka mampanaiky ny firenena ahy, **49** Dia Ilay mitondra ahy ho afaka amin' ny fahavaloko; eny, manandratra ahy ho ambonin' izay mitsangana hanohitra ahy Hianao ary mamonjy ahy amin' ny olon-dozabe; **50** Koa Izany no hiderako Anao eny amin' ny firenen-tsamy hafa, Jehovah ô, sy hankalazako ny anaranao. **51** Manao famonjendehibe ho an' ny mpanjaka voatendriny Izy ary mamindra fo amin' ny voahosony, dia amin' i Davida sy ny taranany mandrakizay.

23 Ary izao no fara-teny nataon' i Davida: hoy Davida, zanak' i Jese, dia ny lehilahy izay voasandratra ho ambony, Ilay voahosotry ny Andriamanitr' i Jakoba sady mpanao fihirana mahafinaritra amin' ny Isiraely: **2** Ny Fanahin' i Jehovah no mampiteny ahy, ary ny teniny no eo amin' ny lelako; **3** Andriamanitry ny Isiraely manao hoe, eny, ny Vatolampin' ny Isiraely miteny amiko hoe: Indro ny Mpanapaka ny olona; Marina Izy sady manapaka amin' ny fahatahorana an' Andriamanitra; **4** Ary izany dia toy ny fahazavan' ny maraina, raha miposaka ny masoandro, dia ilay maraina tsy misy rahona iny; Ary ny ahitra manorobona amin' ny tany noho ny hain' andro manarakaraka ny ranonorana. **5** Ary tsy toy izany indrindra amin' Andriamanitra va ny taranako? Fa fanekena mandrakizay no nataony tamiko, Voalamina amin' ny zavatra rehetra sady voatandrina; Fa ny famonjena ahy rehetra sy ny iriko rehetra, moa tsy hampitsimohiny va? **6** Fa ny tena ratsy fanahy rehetra kosa dia tahaka ny tsilo ariana, Fa tsy azo raisin' ny tanana izy; **7** Ary ny olona izay mikasika azy Dia tsy maintsy mitondra vy sy zaran-defona; Ary hodorana amin' ny afo avokoa amin' izay itoerany ireny. **8** Ary izao no anaran' ny lehilahy maherin' i Davida: Joseba-basebeta Takemonita no lehiben' ny mpanafika malaza; izy ilay Edino Eznita izay namely ny valon-jato lahy ka nahafaty azy tamin' ny ady indray mandeha monja. **9** Ary ny manarakaraka azy dia Eleazara, zanak' i Dodo, zanak' i Ahohita, anankiray amin' izy telo lahy mahery teo amin' i Davida, raha nihaika ny Filistina izay niangona hiady ireo, ka niakatra ny lehilahy amin' ny Isiraely; **10** dia nitsangana Eleazara ka namely ny Filistina mandrapahavizan' ny tànany ka efa niraikitra tamin' ny sabatra; ary Jehovah nanao famonjena lehibe tamin' izany andro izany, ka ny haka babo ihany no sisa nanarahan' ny olona azy. **11** Ary ny manarakaraka azy dia Sama, zanak' i Age Hararita. Ary nony nivory ho iray toko teo amin' ny tany nisy voanemba maniry ny Filistina, ary ny olona nandositra azy, **12** dia nijanona teo afovoan' io tany io kosa izy ka nahazo io ary namono ny Filistina; ka dia nanao famonjena lehibe Jehovah. **13** Ary nisy telo lahy samy malaza avy tamin' ny telo-polo lahy nidina ka tonga tao amin' i Davida tao amin' ny zohin' i Adolama nony fararano; ary ny miaramilan' ny Filistina nitoby teo amin' ny Lohasahan' ny Refaïta. **14** Ary Davida dia tao amin' ny batery fiarovana tamin' izay, ary ny miaramilan' ny Filistina kosa dia tao Betlehema. **15** Ary Davida naniry ka nanao hoe: Enga anie ka hisy hampisotro rano ahy avy amin' ny fantsakana ao Betlehema, ilay ao akaikin' ny vavahady! **16** Ary ireo telo lahy mahery namaky teo amin' ny miaramilan' ny Filistina ka nanovo rano tamin' ny fantsakana tao Betlehema, izay teo anilan' ny vavahady, dia nentiny ho any amin' i Davida; kanjo tsy nety nisotro izy, fa naidiny ho an' i Jehovah iny. **17** Fa hoy Davida: Sanatria, Jehovah ô, raha hanao izany aho; tsy ran' ny lehilahy izay nandeha nanao vy very ny ainy va ity? Ka dia tsy nety nisotro izy. Izany zavatra izany no nataon' ireo telo lahy mahery ireo. **18** Ary Abisay, rahalahin' i Joaba, zanak' i Zeroia, no lehibe amin' izy telo lahy, ary izy namely ny telonjato lahy tamin' ny lefona ka nahafaty azy, ka dia izy no nalaza tamin' izy telo lahy. **19** Tsy izy va no be voninahitra noho izy telo lahy? Fa izy no lehibeny; nefa tsy nahomby ny telo lahy teo izy. **20** Ary Benaia, zanak' i Joiada, zanaky ny lehilahy mahay tany Kabezela, izay nahavita asa be, izy no namono ny roa lahy mahery tany Moaba; ary izy no nidina ka namono ny liona tao an-davaka fantsakana tamin' ilay andro nisy oram-panala iny; **21** ary izy koa no namono ilay Egyptiana makadiry be; ary ilay Egyptiana nitondra lefona teny an-tànany, nefa namorotsahan' i Benaia tamin' ny tehiny ihany izy, dia nosarihany ny lefona teny an-tànan' ilay Egyptiana, ka iny lefony iny ihany no namonoany azy. **22** Izany no nataon' i Benaia, zanak' i Joiada, ary tamin' izy telo lahy mahery dia izy no nalaza. **23** Izy no nalaza noho ny telo-polo lahy, nefa tsy nahomby azy telo lahy teo izy. Ary Davida nanendry azy ho isan' ny mpanolo-tsaina azy. **24** Asahela, rahalahin' i Joaba, no anankiray amin' ny telo-polo, ary Elanana, zanak' i Dodo, avy any Betlehema, **25** Sama Harodita, Elika Harodita, **26** Heleza Paltita, Ira, zanak' Ikesy Tekoïta, **27** Abiezera Anatotita, Mebonay Hosatita, **28** Zalmona Ahohita, Maharay Netofatita, **29** Haleba, zanak' i Bana Netofatita, Itahy, zanak' i Ribay, avy any Gibean' ny taranak' i Benjamina, **30** Benaia Piratonita, Hiday, avy any amin' ny lohasahan-driak' i Gasy, **31** Abialbona Arbatita, Azmaveta Psaromita, **32** Eliaba Salbonita, tamin' ny zanak' i Jasena, Jonatana, **33** Sama Hararita, Ahiama, zanak' i Sarara Hararita, **34** Elifeleta, zanak' i Ahasbay, zanaky ny Makatita, Eliama, zanak' i Ahitofela Gilonita, **35** Hezray Karmelita, Paray Arbita, **36** Jigala, zanak' i Natana, avy any Zoba, Bany Gadita, **37** Zaleka Amonita, Naharay Berotita, mpitondra ny fiadian' i Joaba, zanak' i Zeroia, **38** Ira Jitrita, Gareba Jitrita, **39** Oria Hetita; fito amby telo-polo no isan' izy rehetra.

24 Ary ny fahatezeran' i Jehovah nirehitra indray tamin' ny Isiraely, ka dia nanome saina an' i Davida Izy hanao izay hahatonga loza amin' ny vahoakany hoe: Mandehana, isao ny Isiraely sy ny Joda. **2** Dia hoy ny mpanjaka tamin' i Joaba, komandin' ny miaramila, izay teo aminy: Mandehana mitety ny firenen' isiraely rehetra hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba, ary alaminonareo ny vahoaka mba ho fantatro ny isany. **3** Fa hoy Joaba amin' ny mpanjaka: Jehovah Andriamanitrao anie hampitombo ny vahoaka ho injato toy izao, na firy na firy izy, ka ho hitan' ny mason' ny mpanjaka tompoko izany; fa ahoana no itiavan' ny mpanjaka tompoko hanao izany zavatra izany? **4** Nefa tsy azon' i Joaba sy ny komandin' ny miaramila

nolavina ny tenin' ny mpanjaka. Ary Joaba sy ny komandin' ny miaramila nivoaka avy teo anatrehan' ny mpanjaka handamina ny lehilahy amin' ny Isiraely. **5** Ary nita an' i Jordana izy ireo ka nitoby tao Aroera eo ankavanan' ilay tanàna afovoan' ny lohasahan-driak' i Gada, dia nankany Jazera. **6** Dia tonga tany Gileada izy, tany amin' ny tamin' i Tatima-hodsy, dia tonga tany Danajana izy, ka nanodidina hatrany Sidona, **7** ary tonga tao Tyro, tanàna mimanda, sy tany amin' ny tanànan' ny Hivita sy ny Kananita rehetra, ary dia nankany amin' ny tany atsimo izay an' ny Joda hatrany Beri-sheba izy. **8** Ary nony efa nitety ny tany rehetra izy, dia tonga tany Jeroselama, rehefa afaka sivy volana sy roa-polo andro. **9** Dia natolotr' i Joaba ny mpanjaka ny isan' ny vahoaka voalamina, ka nisy valo hetsy ny lehilahy mahery nahatan-tsabatra tamin' ny Isiraely, ary dimy hetsy ny lehilahy tamin' ny Joda. **10** Ary ny eritreritr' i Davida namely azy, rehefa voaisany ny olona. Ka dia hoy Davida tamin' i Jehovah: Efa nanota indrindra aho tamin' izao nataoko izao; koa ankehitriny mifona aminao aho, Jehovah ô, esory ny heloky ny mpanomponao, fa efa nanao fahadalana lehibe aho. **11** Ary raha nifoha maraina Davida, dia tonga tamin' i Gada mpaminany, mpahitan' i Davida, ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **12** Mandehana, ka lazao amin' i Davida hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Zavatra telo no apetrako eto anoloanao, koa fidio izay iray hataoko aminao. **13** Ary Gada nankany amin' i Davida dia nanambara izany taminy ka nanao hoe: Mosary fito taona va no tianao ho tonga aminao eto amin' ny taninao? Sa handositra telo volana eo anoloan' ny fahavalonao ianao, fa henjehiny? Sa areti-mandringana hateloana eto amin' ny taninao? Koa saino sy hevero izay valiny ho entiko miverina any amin' izay naniraka ahy. **14** Dia hoy Davida tamin' i Gada: Indrisy! poritra loatra aho! aleontsika ho azon' ny tànan' i Jehovah, fa lehibe ny famindram-pony toy izay ho azon' izay tànan' olona. **15** Ka dia nasian' i Jehovah areti-mandringana ny Isiraely nony maraina ka hatramin' ilay fotoana; ary dia nahafatesana fito alina ny olona hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba. **16** Ary naninjitra ny tànany tany Jerosalema Ilay Anjely handringana ny any; fa Jehovah nanenina ny amin' ny loza ka nanao tamin' ilay Anjely Izay nandringana ny olona hoe: Aoka izay, atsaharo ny tananao ankehitriny. Ary Ilay Anjelin' i Jehovah dia teo amin' ny famoloan' i Araona Jebosita. **17** Ary nony hitan' i Davida Ilay Anjely namely ny olona, dia niteny tamin' i Jehovah izy nanao hoe: Indro, izaho no efa nanota, ary izaho no efa anao ratsy; fa ireo ondry ireo kosa, inona moa no mba nataony? Koa mifona aminao re aho, aoka ny tananao hamely ahy sy ny mpianakavin' ny raiko. **18** Ary Gada nankany amin' i Davida tamin' izany andro izany ka nanao taminy hoe: Miakara, ka manangàna alitara ho an' i Jehovah ao amin' ny famoloan' i Araona Jebosita. **19** Koa dia niakatra Davida araka ny tenin' i Gada, araka izay nandidian' i Jehovah. **20** Ary Araona nitsirika ka nahita ny mpanjaka sy ny mpanompony manatona azy, dia nivoaka izy ka niankohoka tamin' ny tany teo anatrehan' ny mpanjaka. **21** Ary hoy Araona: Ahoana no ahatongavan' ny mpanjaka tompoko atỳ amin' ny mpanompony? Dia hoy Davida: Hividy ny famoloana aminao mba hanorenako alitara ho an' i Jehovah hitsaharan' ny areti-mandringana tsy hamely ny olona intsony. **22** Fa hoy Araona tamin' i Davida: Aoka ny mpanjaka tompoko haka izay sitrany ka hanatitra izany. Indreo ny omby ho fanatitra dorana ary ny fivelezam-bary sy ny hazo amin' ny omby hatao kitay. **23** Izany rehetra izany, ry mpanjaka, dia omen' i Araona ny mpanjaka. Ary hoy Araona tamin' ny mpanjaka: Jehovah Andriamanitrao anie hankasitraka anao. **24** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Araona: Tsia, fa hovidiko aminao mihitsy araka izay tokom-bidiny ireo; fa tsy hanatitra fanatitra dora na ho an' i Jehovah Andriamanitro amin' izay azoko fotsiny aho. Ka dia novidin' i Davida sekely volafotsy dimam-polo ny famoloana sy ny omby. **25** Ary Davida nanao alitara teo ho an' i Jehovah ka nanatitra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana. Ka dia neken' i Jehovah ny fifonana natao ho an' ny tany, ka nitsahatra tsy namely ny Isiraely intsony ilay areti-mandringana.

1 Mpanjaka

1 Ary Davida mpanjaka dia efa zoki-olona sady nandroso fahanterana; ary norakofany lamba izy, fa tsy nety nafana. **2** Ka dia hoy ny mpanompony taminy: Aoka hitadiavana zazavavy virijina ny mpanjaka tompoko, dia aoka hitoetra eto anatrehan' ny mpanjaka izy mba ho mpitaiza azy, ary aoka handry eo amin' ny tratranao izy, ka dia hampahafana ny mpanjaka tompoko. **3** Ary dia nitady zazavavy tsara tarehy eran' ny tanin' ny Isiraely rehetra izy ka nahita an' i Abisaga Sonemita, dia nentiny tany amin' ny mpanjaka. **4** Ary tsara tarehy dia tsara tarehy razazavavy, dia tonga mpitaiza ny mpanjaka sady nanompo azy izy; nefa ny mpanjaka tsy nahalala azy. **5** Ary Adonia, zanakalahin' i Hagita, nanandratra ny tenany ka nanao hoe: Izaho no hanjaka; dia nanomana kalesy sy mpitaingin-tsoavaly ary dimam-polo lahy ho mpihazakazaka eo alohany izy. **6** Ary ny rainy tsy mbola niteny mafy azy atory hatrizay niainany nanao hoe: Nahoana ianao no manao toy izao? sady lehilahy tsara tarehy tokoa izy; ary izy no na tera-dreniny nanarakaraka an' i Absaloma. **7** Ary efa niresaka tamin' i Joaba, zanak' i Zeroia, sy Abiatara mpisorona izy; ka dia niandany tamin' i Adonia izy roa lahy ka nanampy azy. **8** Fa Zadoka mpisorona sy Benaia, zanak' i Joiada, sy Natana mpaminany sy Simey sy Rey ary ny lehilahy mahery izay an' i Davida kosa tsy mba niandany tamin' i Adonia. **9** Ary Adonia namono ondry aman' osy sy omby ary zanak' omby mifahy teo anilan' ny vato Zoheleta tanilan' i En-rogela ka nanasa ny rahalahiny zanakalahin' ny mpanjaka rehetra sy ny lehilahy rehetra amin' ny Joda, mpanompon' ny mpanjaka; **10** fa Natana mpaminany sy Benaia sy ny lehilahy mahery ary Solomona rahalahiny no tsy mba nasainy. **11** Ary Natana niteny tamin' i Batseba, renin' i Solomona, hoe: Moa tsy renao va fa efa manjaka Adonia, zanak' i Hagita, nefa tsy fantatr' i Davida tompontsika akory izany? **12** Koa etsy homeko saina ianao hamonjenao ny ainao sy ny ain' i Solomona zanakao. **13** Mandehana mankany amin' i Davida mpanjaka, ka lazao aminy hoe: Tsy nianiana tamiko mpanompovavinao va ianao, ry mpanjaka tompoko, nanao hoe: Solomona zanakao-lahy no hanjaka handimby ahy tokoa, ary izy no hipetraka eo amin' ny seza fiandrianako? Koa nahoana indray no Adonia no manjaka? **14** Ary raha mbola miteny amin' ny mpanjaka ianao, dia, indro, izaho koa hiditra manaraka anao ka hanamarina ny teninao. **15** Ary Batseba dia nankao amin' ny mpanjaka tao amin' ny efi-trano nitoerany; ary efa antitra ny mpanjaka; ary Abisaga Sonemita nanompo azy. **16** Dia niondrika Batseba ka niankohoka teo anatrehan' ny mpanjaka. Ary hoy ny mpanjaka: Inona no ilainao? **17** Dia hoy izy taminy: Tompokolahy ô, Jehovah Andriamanitrao no nianiananao tamiko mpanompovavinao hoe: Solomona zanakaolahy no hanjaka handimby ahy tokoa, ary izy no hipetraka eo amin' ny seza fiandrianako. **18** Kanjo izao dia, indro, Adonia no manjaka; kanefa tsy fantatrao izany, ry mpanjaka tompoko. **19** Ary efa namono omby sy zanak' omby mifahy ary ondry aman' osy betsaka izy ka efa nanasa ny zanakalahin' ny mpanjaka rehetra sy Abiatara mpisorona ary Joaba, komandin' ny miaramila; fa Solomona mpanomponao ihany no tsy mba nasainy. **20** Ary ianao, ry mpanjaka tompoko ô, ny mason' ny Isiraely rehetra manandratra anao hilazanao izay hipetraka eo amin' ny seza fiandriananao mpanjaka tompoko handimby anao. **21** Fa rehefa lasa modi-mandry any amin' ny razany ny mpanjaka tompoko, dia izaho sy Solomona zanako no atao meloka. **22** Ary raha mbola niteny tamin' ny mpanjaka ravehivavy, dia, indro, niditra koa Natana mpaminany. **23** Ary nisy nanambara amin' ny mpanjaka hoe: Indro Natana mpaminany. Dia niditra teo anatrehan' ny mpanjaka izy ka niankohoka tamin' ny tany teo anatrehany. **24** Ary hoy Natana: Ry mpanjaka tompoko ô, fa angaha ianao efa niteny hoe: Adonia no hanjaka handimby ahy, ary izy no hipetraka eo amin' ny seza fiandrianako. **25** Fa he! izy nidina androany ary namono omby sy zanak' omby mifahy sy ondry aman' osy betsaka ka nanasa ny zanakalahin' ny mpanjaka rehetra sy ny komandin' ny miaramila sy Abiatara mpisorona; ary indreo izy mihinana ny misotro eo anatrehany ka manao hoe: Ho ela velona anie Adonia mpanjaka! **26** Fa izaho mpanomponao sy Zadoka mpisorona sy Benaia, zanak' i Joiada, ary Solomona mpanomponao ihany no tsy mba nasainy. **27** Moa avy tamin' ny mpanjaka tompoko va no nahatonga izany zavatra izany, ka tsy mba nampahafantarinao ny mpanomponao izay hipetraka eo amin' ny seza fiandriananao mpanjaka tompoko handimby anao? **28** Ary namaly Davida mpanjaka ka nanao hoe: Antsoy hankatỳ amiko Batseba. Dia niditra nankeo anatrehan' ny mpanjaka izy ka nitsangana teo anatrehany **29** Ary ny mpanjaka nianiana hoe: Raha velona koa Jehovah, Izay namonjy ny aiko tamin' ny fahoriana rehetra, **30** dia tahaka ilay nianianako tamin' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, sady nilazako taminao hoe: Solomona zanakaolahy no hanjaka handimby ahy tokoa, ary izy no hipetraka eo amin' ny seza fiandrianako hisolo ahy, dia izany ihany no hataoko anio. **31** Ary Batseba niondrika, dia niankohoka tamin' ny tany teo anatrehan' ny mpanjaka ka nanao hoe: Ho velona mandrakizay anio Davida mpanjaka tompoko! **32** Ary hoy Davida mpanjaka: Antsoy hankatỳ amiko Zadoka mpisorona sy Natana mpaminany ary Benaia, zanak' i Joiada. Dia niditra nankeo anatrehan' ny mpanjaka izy telo lahy. **33** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Ento miaraka aminareo ny mpanompon' ny tomponareo, ary ampitaingeno ny ampondravaviko Solomona zanakolahy, ka ento midìna any Gihona izy. **34** Ary aoka Zadoka mpisorona sy Natana mpaminany hanosotra azy any ho mpanjakan' ny Isiraely; ary tsofinareo ny anjomara, ka lazao hoe: Ho ela velona anie Solomona mpanjaka! **35** Dia miakara manaraka azy ianareo, ary aoka izy hiditra ka hipetraka eo amin' ny seza fiandrianako; fa izy no ho mpanjaka hisolo ahy, satria izy no voatendriko ho mpanapaka ny Isiraely sy ny Joda. **36** Ary Benaja, zanak' i Joiada, namaly ny mpanjaka hoe: Amena! Hiteny tahaka izany koa anie Jehovah, Andriamanitry ny mpanjaka tompoko. **37** Toy ny nomban' i Jehovah ny mpanjaka tompoko anie no mba hombany an' i Solomona koa, ary

hataony be voninahitra mihoatra noho ny seza fiandrianan' i Davida mpanjaka tompoko anie ny seza fiandrianan' i Solomona. **38** Dia nidina Zadoka mpisorona sy Natana mpaminany sy Renaia, zanak' i Joiada, ary ny miaramila mpiambina andriana, dia nampitaingina an' i Solomona ny ampondravavin' i Davida mpanjaka izy, ka dia nitondra azy nankany Gihona. **39** Ary Zadoka mpisorona naka ny tandroka misy diloilo tao amin' ny trano-lay ka nanosotra an' i Solomona. Ary notsofina ny anjomara, ka dia hoy ny vahoaka rehetra: Ho ela velona anie Solomona mpanjaka! **40** Dia niakatra nanaraka azy ny vahoaka rehetra ary nitsoka sodina sady nifaly dia nifaly, ka dia nihorohoro ny tany noho ny feony. **41** Ary Adonia sy ireo olona rehetra izay nasaina teo aminy nandre izany, rehefa nitsahatra nihinana izy. Ka raha nahare ny feon' ny anjomara Joaba, dia hoy izy: Inona re izany hotakotaka mampitabataba ny tanàna izany e? **42** Fa raha mbola niteny izy, indro, tonga Jonatana, zanak' i Abiatara mpisorona; ary hoy Adonia taminy: Mandrosoa; fa lehilahy tsara fanahy ianao, ka ho teny tsara no entinao. **43** Fa Jonatana niteny ka nanao tamin' i Adonia hoe: Tsia, tsy izany tsy akory, fa Davida mpanjaka tompontsika efa nanangana an' i Solomona tokoa ho mpanjaka. **44** Ary ny mpanjaka efa naniraka an' i Zadoka mpisorona sy Natana mpaminany sy Benaia, zanak' i Joiada, ary ny miaramila mpiambina andriana hiaraka aminy, ka nampitaingenin' ireo ny ampondravavin' ny mpanjaka izy. **45** Ary Zadoka mpisorona sy Natana mpaminany efa nanosotra azy teo Gihona ho mpanjaka; ary niakatra avy teo izy sady nifaly, ka dia nihorika terỳ ny tanàna. Izany no hotakotaka renareo. **46** Ary koa, Solomona izao dia efa mipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' ny fanjakana. **47** Ary dia tonga koa ny mpanompon' ny mpanjaka hisaotra an' i Davida mpanjaka tompontsika hoe: Hataon' Andriamanitrao ho tsara noho ny anaranao anie ny anaran' i Solomona, ary hataony ho be voninahitra mihoatra noho ny seza fiandriananao anie ny seza fiandrianany! Dia niankohoka teo am-parafara ny mpanjaka **48** ka niteny hoe: Isaorana anie Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely Izay nanome ny hipetraka eo amin' ny seza fiandrianako androany, sady hitan' ny masoko koa izany. **49** Dia raiki-tahotra izay rehetra nasain' i Adonia ka niainga, ary samy lasa nandeha amin' izay nalehany avy izy rehetra. **50** Ary Adonia koa natahotra an' i Solomona, dia niainga ka lasa nangia ny tandroky ny alitara. **51** Ary nambara tamin' i Solomona hoe: Indro, Adonia matahotra an' i Solomona mpanjaka; koa indro izy efa mangia ny tandroky ny alitara ka manao hoe: Aoka Solomone mpanjaka hianiana amiko aloha fa tsy hamono ahy mpanompony amin' ny sabatra. **52** Fa hoy Solomona: Raha hita fa lehilahy tsara fanahy izy, dia tsy hisy na dia singam-bolony iray akory aza ho latsaka amin' ny tany; fa raha misy heloka kosa ho hita aminy, dia ho faty ihany izy. **53** Dia naniraka Solomona mpanjaka nampidina azy hiala amin' ny alitara. Dia avy izy ka niankohoka teo anatrehan' i Solomona mpanjaka; ary dia hoy Solomona taminy: Modia any an-tranonao.

2 Ary rehefa antomotra ny andro hahafatesan' i Davida, dia nandidy an' i Solomona zananilahy izy hoe: **2** Izaho efa handeha amin' ny lalan-kalehan' ny tany rehetra; koa mahereza ianao, ary misehoa ho lehilahy. **3** Ary tandremo izay asain' i Jehovah Andriamanitrao hotandremana handehananao amin' ny lalany hitandremanao ny lalàny sy ny didiny sy ny fitsipiny ary ny teni-vavolombelony, araka ny voasoratra ao amin' ny lalan' i Mosesy, mba hataonao lavorary avokoa izay rehetra hataonao sy izay rehetra halehanao, **4** mba hanatanterahan' i Jehovah ny teny izay nilazany ahy hoe: Raha ny taranakao hitandrina ny alehany ka handeha eo anatrehako amin' ny fahamarinana amin' ny fony rehetra sy amin' ny fanahiny rehetra (hoy Izy), dia tsy ho diso zanakalahy ho eo amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely ianao. **5** Ary ianao koa mahalala izay nataon' i Joaba, zanak' i Zeroia, tamiko, dia ilay nataony tamin' izy roa lahy komandin' ny miaramilan' ny Isiraely, dia tamin' i Abnera, zanak' i Nera, sy tamin' i Amasa, zanak' i Jatera, izay novonoiny sady nalatsany rà toy ny amin' ny ady, nefa tsy nisy ady tsinona, ka nasiany rà toy ny amin' ny ady ny fehin-kibony teny am-balahany sy ny kapany teny an-tongony. **6** Koa manaova araka ny fahendrenao, ary aza avela hidina any amin' ny fiainan-tsi-hita amin' ny fiadanana ny volo fotsiny. **(Sheol h7585)** **7** Fa ny zanak' i Barzilay Gileadita kosa dia asio soa, ka avelao mba ho isan' izay mihinana eo amin' ny latabatrao izy; fa hanao soa toy izany no nankanesan' ireo tany amiko, fony nandositra an' i Absaloma rahalahinao aho. **8** Ary indro fa ao aminao koa Simey, zanak' i Gera, Benjamita avy any Bahorima loza loatra ny nanozonany ahy tamin' ny andro nankanesako tany Mahanaima, nefa izy mba nidina hitsena ahy tao Jordana ihany, ary Jehovah no manianako taminy hoe: Tsy hovonoiko amin' ny sabatra ianao. **9** Koa aza ataonao afa-tsiny izy; fa lehilahy hendry ianao, ka fantatrao izay tokony hanaovanao azy, ka amin' ny fandatsahan-drà no hampidinanao ny volo fotsiny ho any amin' ny fiainan-tsi-hita. **(Sheol h7585)** **10** Ary Davida dia lasa nodi-mandry any amin' ny razany ka nalevina ao an-Tanànan' i Davida. **11** Ary ny andro nanjakan' i Davida tamin' ny Isiraely dia efa-polo taona; tao Hebrona no nanjakany fito taona, ary tao Jerosalema no nanjakany telo amby telo-polo taona. **12** Ary Solomona nipetraka teo amin' ny seza fiandrianan' i Davida rainy; ary ny fanjakany dia niorina tsara **13** Ary Adonia, zanakalahin' i Hagita, nankany amin' i Batseba, renin' i Solomona. Ary hoy ravehivavy: Moa fihavanana va no ahatongavanao? Dia hoy izy: Eny, fihavanana. **14** Ary hoy koa izy: Misy teny kely holazaiko aminao. Ary hoy ravehivavy: Lazao ary. **15** Dia hoy izy: Hianao mahalala fa ahy ny fanjakana, ary ny Isiraely rehetra nanandrandra ahy hanjaka, kanjo tafahodina ny fanjakana ka lasan' ny rahalahiko, fa azony avy tamin' i Jehovah. **16** Koa ankehitriny zavatra iray loha no mba angatahiko aminao; ka aza dia lavinao aho. Ary hoy ravehivavy taminy: Lazao ary. **17** Dia hoy izy: Masìna ianao, mitenena amin' i Solomona mpanjaka (fa tsy handà anao izy), mba homeny ho vadiko Abisaga Sonemita. **18** Ary hoy Batseba: Eny ary, fa izaho dia hilaza ny teninao amin' ny mpanjaka. **19** Ary Batseba

nankany amin' i Solomona mpanjaka hilaza aminy ny tenin' i Adonia. Ary ny mpanjaka nitsangana hitsena an' i Batseba sady niankohoka teo anatrehany, dia nipetraka teo amin' ny seza fiandrianany, ary nasainy nisy nitondra seza fiandrianana koa ho an' ny renin' ny mpanjaka; ka dia nipetraka teo amin' ny ankavanany izy. **20** Ary hoy izy: Misy zavatra kely iray loha mba hangatahiko aminao, ka aza dia lavinao aho. Ary hoy ny mpanjaka: Angataho ary, ry ineny, fa tsy handà anao aho. **21** Dia hoy izy: Aoka Abisaga Sonemita homena ho vadin' i Adonia rahalahinao. **22** Fa Solomona mpanjaka namaly ka nanao tamin-dreniny hoe: Nahoana ianao no mangataka an' i Abisaga Sonemita ho an' i Adonia; angataho ho azy koa ary ny fanjakana, fa izy no zokiko, dia ho azy sy Abiatara mpisorona ary ho an' i Joaba, zanak' i Zeroia. **23** Ary Solomona mpanjaka dia nianiana tamin' i Jehovah hoe: Hataon' Andriamanitra amiko anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha tsy hatao maty Adonia noho ny nanaovany izany teny izany. **24** Koa ankehitriny, raha velona koa Jehovah, Izay nampitoetra sy nametraka ahy teo amin' ny seza fiandrianan' i Davida raiko sady nanome ahy fara handimby araka izay nolazainy, dia hatao maty anio ihany Adonia. **25** Ary Solomona mpanjaka naniraka an' i Benaia, zanak' i Joiada; ary izy namely azy ho faty. **26** Ary Abiatara mpisorona dia nilazan' ny mpanjaka hoe: Mandehana ianao hankany Anatota ho any an-tambohonao, fa olona tokony hatao maty ianao; nefa tsy hataoko maty amin' izao andro izao, satria nitondra ny fiaran' i Jehovah Tompo teo alohan' i Davida raiko ianao sady niara-nitondra fahoriana tamin' ny raiko tamin' izay rehetra nampahoriana azy. **27** Ary Solomona dia nanongana an' i Abiatara tsy ho mpisoron' i Jehovah, ka dia nahatanteraka ny tenin' i Jehovah, ilay nolazainy tao Silo ny amin' ny taranak' i Ely, izy. **28** Ary ren' i Joaba izany (fa Joaba efa niodina nanaraka an' i Adonia, kanefa tsy niodina nanaraka an' i Absaloma izy), dia nandositra nankao amin' ny trano-lain' i Jehovah izy ka nangia ny tandroky ny alitara. **29** Ary nambara tamin' i Solomona mpanjaka fa Joaba efa lasa nandositra ho ao amin' ny trano-lain' i Jehovah, ka, indro, eo anilan' ny alitara izy. Dia nirahin' i Solomona Benaia, zanak' i Joiada, ka nilazany hoe: Andeha, asio izy. **30** Ary Benaia tonga tao amin' ny tranolain' i Jehovah ka nanao tamin' i Joaba hoe: Izao no lazain' ny mpanjaka: Mivoaha ianao. Fa hoy izy: Tsia, fa eto ihany aho no ho faty. Ary Benaia nitondra teny tany amin' ny mpanjaka indray hoe: Izany no lazain' i Joaba, ary izany no navaliny ahy. **31** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Ataovy araka izay nolazainy, ka asio izy, dia aleveno, mba hanesoranao amiko sy amin' ny taranaky ny raiko ny rà marina izay nalatsak' i Joaba. **32** Dia hatsingerin' i Jehovah ho amin' ny lohany ihany ny rany, satria izy namely olona roa lahy izay marina sady tsara noho izy ka namono azy tamin' ny sabatra, dia Abnera, zanak' i Nera, komandin' ny miaramilan' ny Isiraely sy Amasa, zanak' i Jatera, komandin' ny miaramilan' ny Joda, nefa Davida raiko tsy nahalala izany akory **33** Eny, ny ran' izy roa lahy ireo hitsingerina amin' ny lohan' i Joaba sy ny lohan' ny taranany mandrakizay; fa amin' i Davida sy ny taranany sy ny mpianakaviny ary amin' ny seza fiandrianany kosa dia hisy fiadanana mandrakizay avy amin' i Jehovah. **34** Dia niakatra Benaia, zanak' i Joiada, ka namely azy ho faty; ary nalevina tao amin' ny fonenany tany an-efitra izy. **35** Ary Benaia, zanak' i Joiada, no notendren' ny mpanjaka ho solony ho komandin' ny miaramila; ary Zadota mpisorona no notendren' ny mpanjaka ho solon' i Abiatara. **36** Ary ny mpanjaka naniraka naka an' i Simey ka nanao taminy hoe: Manaova trano ato Jerosalema ianao ka mitoera ao, ary aza miala ao ianao na ho aiza na ho aiza akory. **37** Fa amin' izay andro hivoahanao mita ny lohasahan-driaka Kidrona, dia aoka ho fantatrao marina fa hatao maty tokoa ianao; ny ràno ho amin' ny lohanao ihany. **38** Ary hoy Simey tamin' ny mpanjaka: Tsara izany teny izany; araka izany nolazain' ny mpanjaka tompoko Izany no hataon' ny mpanomponao. Ary Simey nitoetra ela tany Jerosalema. **39** Ary nony afaka telo taona mipaka, dia nisy roa lahy mpanompon' i Simey, nandositra ho any amin' i Akisy, zanak' i Maka mpanjakan' i Gata. Ary nisy nanambara tamin' i Simey hoe: Indreo, any Gata ny mpanomponao. **40** Dia nitsangana Simey nanisy lasely ny borikiny ka nankany Gata ho any amin' i Akisy hitady ny mpanompony, dia lasa nody Simey nitondra ny mpanompony avy tany Gata. **41** Ary nambara tamin' i Solomona ny nialan' i Simey tany Jerosalema hankany Gata sy ny niverananay indray. **42** Ary ny mpanjaka naniraka naka an' i Simey ka nanao taminy hoe: Tsy efa nampianiana anao tamin' i Jehovah va aho ka nilaza taminao marimarina hoe: Aoka ho fantatrao marina fa amin' izay andro hivoahanao sy handehananao na ho aiza na ho aiza akory dia hatao maty tokoa ianao? Ary hoy ianao tamiko: Tsara izany teny reko any. **43** Koa nahoana ianao no tsy nitandrina ny fianianana tamin' i Jehovah sy ny didy izay nandidiako anao? **44** Ary hoy koa ny mpanjaka tamin' i Simey: ianao mahalala ny ratsy rehetra nataonao tamin' i Davida raiko, eny, tsaroan' ny fonao izany, ka dia hatsingerin' i Jehovah amin' ny lohanao ny haratsianao. **45** Fa hotahina kosa Solomona mpanjaka, ary ny seza fiandrianan' i Davida hampitoerina eo anatrehan' i Jehovah mandrakizay. **46** Ary ny mpanjaka nandidy an' i Benaia, zanak' i Joiada, dia nivoaka izy ka namely an' i Simey ho faty. Ary ny fanjakana dia naorina teo an-tànan' i Solomona.

3 Ary Solomona tonga vinanton' i Farao, mpanjakan' i Egypta, fa nanambady ny zanakavavin' i Farao izy ka nitondra azy ho any an-Tanànan' i Davida, mandra-pahavitany ny tranony sy ny tranon' i Jehovah ary ny màndan' i Jerosalema manodidina. **2** Kanefa ny olona mbola namono zavatra hatao fanatitra teny amin' ny fitoerana avo ihany, fa tsy mbola nisy trano vita ho an' ny anaran' i Jehovah hatramin' izany andro izany. **3** Ary Solomona tia an' i Jehovah ka nizotra araka ny dian' i Davida rainy; nefa kosa izy mbola namono zavatra hatao fanatitra sy nandoro ditin-kazo manitra teny amin' ny fitoerana avo ihany. **4** Ary ny mpanjaka nankany Gibeona hamono zavatra hatao fanatitra any, fa izany ilay fitoerana avo malaza; ka fanatitra dorana arivo no naterin' i Solomona teo amin' izany alitara izany. **5** Tao Gibeona no nisehoan' i Jehovah tamin' i

Solomona tamin' ny nofy nony alina; ary hoy Andriamanitra: Angataho izay tianao homeko anao. **6** Dia hoy Solomona: Hianao efa naneho fahasoavana lehibe tamin' i Davida raiko mpanomponao, araka ny nandehanany teo anatrehanao tamin' ny tsi-fivadihana sy ny fahamarinana ary ny fahitsian' ny fony taminao, ary Hianao efa nitahiry izao fahasoavana lehibe izao ho azy, dia ny nanomezanao azy zanakalahy hipetraka eo amin' ny seza fiandrianany tahaka ny amin' izao anio izao. **7** Ary ankehitriny, Jehovah Andriamanitro ô, Hianao efa nampanjaka ahy mpanomponao handimby an' i Davida raiko; nefa izaho dia mbola zaza ihany, ka tsy fantatro akory izay fivoaka sy fiditra. **8** Ary izaho mpanomponao koa dia ao amin' ny olonao izay nofidinao, sady olona betsaka tsy tambo isaina ary tsy hita isa noho ny hamaroany. **9** Koa omeo ahy mpanomponao saina malady ho entiko mitsara ny olonao hahaizako manavaka ny soa sy ny ratsy; fa iza moa no mahay mitsara izao olonao betsaka izao? **10** Ary sitraky ny Tompo ny nangatahan' i Solomona izany zavatra izany; **11** ka dia hoy Andriamanitra taminy: Satria nangataka izany zavatra izany ianao, fa tsy ny ho ela velona, na harena, na ny ain' ny fahavalonao, fa fahaizana hitsara no nangatahinao, **12** dia, indro, efa nanao araka ny teninao Aho, ka indro, efa nanome anao saina hendry sady mahiratra, ka tsy nisy tahaka anao ny teo alohanao, ary tsy hisy ho tahaka anao ny ato aorianao. **13** Ary na izay tsy nangatahinao aza dia efa nomeko anao koa, dia harena sy voninahitra, ka tsy hisy mpanjaka tahaka anao amin' ny andronao rehetra. **14** Ary raha handeha amin' ny lalako ianao ka hitandrina ny lalàko sy ny didiko tahaka ny nandehanan' i Davida rainao, dia hataoko ho ela velona ianao. **15** Ary dia nahatsiaro Solomona, ka indro fa nofy izany. Ary nony tonga tany Jerosalema izy, dia nitsangana teo anoloan' ny fiaran' ny faneken' i Jehovah ka nanatitra fanatitra odorana sy fanati-pihavanana, ary dia nanao fanasana ho an' ny mpanompony rehetra izy. **16** Ary tamin' izany dia nisy vehivavy janga roa nankao amin' ny mpanjaka ka nitsangana teo anatrehany. **17** Ary hoy ilay vehivavy anankiray: Trarantitra ianao, tompokolahy, izaho sy ity vehivavy ity miray trano; ary teraka tao an-trano aho, sady tao koa izy. **18** Ary nony efa velona hateloana aho, dia mba velona koa izavavy ity; ary izahay roa vavy ihany no tao; tsy nisy olon-kafa tao aminay tao an-trano, fa izahay roa vavy ihany. **19** Ary maty tamin' ny alina ny zanak' izavavy ity, fa voatsindriny. **20** Dia nifoha mamatonalina izy ka naka ny zanako teo amiko tamin' ilay natory iny aho ankizivavinao, dia nampandriny teo an-tratrany, fa ny azy maty napetrany teo an-tratrako. **21** Ary nony nifoha maraina hampinono ny zanako aho, indro fa maty izy; kanjo rehefa nofantariko sy nony maraina, dia indro fa tsy ny zanako naerako. **22** Ary hoy kosa ilay anankiray: Tsia, fa ny velona no zanako, ary ny maty no zanakao. Fa hoy indray ny anankiray: Tsia, fa ny maty no zanakao, ary ny velona no zanako. Izany no teniny teo anatrehan' ny mpanjaka. **23** Ary hoy ny mpanjaka: Ny anankiray manao hoe: Ity velona no zanako, ary ny maty no zanakao; ary hoy kosa ny anankiray: Tsia, fa ny maty no zanakao, ary ny velona no zanako. **24** Koa itondray sabatra aho, hoy ny mpanjaka. Ary nentiny ny sabatra ho eo anatrehan' ny mpanjaka. **25** Ary hoy ny mpanjaka: Sasaho ny zaza velona, ka omeo ny anankiray ny antsasany, ary ho an' ny anankiray kosa ny antsasany. **26** Fa niteny tamin' ny mpanjaka ravehivavy, renin' ny zaza velona satria nandevilevy ny fony noho ny amin' ny zanany ka nanao hoe: Tompokolahy ô, trarantitra ianao, omeo azy ihany ary ny zaza velona, fa aza dia vonoina re! Fa hoy kosa ny iray: Aoka tsy ho ahy tsy ho anao, fa zarao mihitsy. **27** Dia namaly ny mpanjaka ka nanao hoe: Omeo itsy ny zaza velona, fa aoka tsy hovonoina; fa io mihitsy no reniny. **28** Ary raha ren' ny Isiraely rehetra izany fitsarana nataon' ny mpanjaka izany, dia natahotra ny mpanjaka izy, satria hitany fa misy fahendren' Andriamanitra ao am-pony ho entiny mitsara.

4 Ary nanjaka tamin' ny Isiraely rehetra Solomona mpanjaka. **2** Ary izao no lehibe tao aminy: Azaria, zanak' i Zadoka, no mpisorona; **3** Elihorefa sy Ahia, zanak' i Sisa, no mpanoratra; Josafata zanak' i Ahiloda, no mpitadidy ny raharaha-mpanjakana; **4** ary Benaia, zanak' i Joiada, no komandin' ny miaramila; ary Zadoka sy Abiatara no mpisorona; **5** ary Azaria, zanak' i Natana, no lehiben' ny olona voatendry; ary Zaboda, zanak' i Natana, no mpanolotsaina, sakaizan' ny mpanjaka, **6** ary Ahisara no lehiben' ny tao an-dapa; ary Adonirama, zanak' i Abda, no komandin' ny mpanao fanompoana. **7** Ary Solomona nanendry roa ambin' ny folo lahy ho amin' ny Isiraely rehetra hiadidy ny zavatra rehetra nilain' ny mpanjaka sy ny ankohonany; samy niadidy ny iray volana avy amin' ny herintaona izy. **8** Ary izao no anarany: Beni-hora tany amin' ny tany havoan' i Efraima; **9** Beni-dakera tao Makaza sy tao Salbima sy Beti-semesy ary Elon-beti-hanana; **10** Beni-haseda tao Arobota; Soko sy ny tany Hefera rehetra no azy; **11** Ben' abinadaba tao amin' ny havoan' i Dora rehetra (Tafata, zanakavavin' i Solomona, no vadiny); **12** Bana, zanak' i Ahiloda; azy Tanaka sy Megido ary Beti-sana rehetra, izay anilan' i Zaretana, ambanin' i Jezirela, hatrany Beti-sana ka hatrany Abela-mehola, dia hatrany ankoatr' i Jokneama no azy. **13** Beni-gabera tao Ramota-gileada; ny tanàna madinika an' i Jaïra, zanak' i Manase, izay any Gileada, no azy; azy koa ny tany Argoba, izay any Basana, dia tanana enim-polo lehibe nisy manda sy hidy varahina; **14** Ahinadaba, zanak' Ido, tany Mahanaima; **15** Ahimaza tany Naftaly; izy kosa nanambady an' i Basemata, zanakavavin' i Solomona; **16** Bana, zanak' i Hosay, tany Asera sy Alota; **17** Josafata, zanak' i Paroa, tany Isakara; **18** Simey, zanak' i Ela, tany Benjamina; **19** Gabera, zanak' i Ory, tany amin' ny tany Gileada, tanin' i Sihona, mpanjakan' ny Amorita, sy Oga, mpanjakan' i Basana; ary izy ihany no voatendry ho amin' izany tany izany. **20** Ary ny Joda sy ny Isiraely dia maro, tahaka ny fasika amoron-dranomasina ny hamarony, sady mihinana sy misotro ary mifaly. **21** Ary Solomona nanjaka tamin' ny fanjakana rehetra hatramin' ny Ony sy ny tanin' ny Filistina ka hatramin' ny sisin' i Egypta; nandoa hetra ireo sady nanompo an' i Solomona tamin' ny andro rehetra niainany. **22** Ary ny fihinan' i

Solomona isanandro dia koba tsara toto telo-polo kora sy koba hafa enim-polo kora, **23** sy omby mifahy folo sy omby an-tondraka roa-polo ary ondry aman' osy zato, afa-tsy ny diera koa sy ny gazela sy ny kapreola ary ny vorona mifahy. **24** Fa nanapaka ny tany rehetra atỳ an-dafin' ny Ony hatrany Tifsa ka hatrany Gaza izy, dia tamin' ny mpanjaka rehetra etỳ an-dafin' ny Ony; ary izy dia tsara fihavanana tamin' ireny rehetra manodidina nanoa azy ireny. **25** Ary ny Joda sy ny Isiraely nandry fahizay tamin' ny andron' i Solomona rehetra, samy teny ambanin' ny voalobony sy ny aviaviny ny olona hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba. **26** Ary Solomona nanana efi-trano efatra alina, fitoeran' ny soavaly mpitarika kalesy, ary soavaly fitaingina roa arivo amby iray alina. **27** Ary ireo olona voatendry ireo dia niadidy ny zavatra rehetra nilain' i Solomona mpanjaka sy izay rehetra nentina teo amin' ny: latabatr' i Solomona mpanjaka; izy rehetra samy niadidy ny amin' ny iray volany avy, ka tsy navelany ho nisy tsy ampy na inona na inona. **28** Ny vary hordea koa sy ny mololo ho an' ny soavaly sy ny soavaly haingampandeha dia nentiny ho ao amin' ny fitoerana izay tokony hitondrana azy, dia samy araka ny anjarany avy. **29** Ary Andriamanitra nanome an' i Solomona fahendrena sy fahiratan-tsaina be indrindra ary fahalalana betsaka tahaka ny fasika amoron-dranomasina. **30** Ary ny fahendren' i Solomona nihoatra noho ny fahendren' ny zanaky ny atsinanana rehetra sy ny fahendren' ny Egyptiana rehetra. **31** Fa hendry noho ny olona rehetra izy; eny, hendry mihoatra noho Etana Ezrahita sy Hemana sy Kalkola sy Darda, zanak' i Mahola, aza izy ary ny lazany efa niely tamin' ny firenena rehetra manodidina. **32** Nanao ohabolana telo arivo izy, sady nanao tonon-kira dimy amby arivo. **33** Ary nilaza ny amin' ny hazo hatramin' ny hazo sedera any Libanona ka hatramin' ny hysopa izay maniry eny amin' ny ampiantany izy, sady nilaza ny amin' ny biby sy ny vorona sy ny biby mandady sy mikisaka ary ny hazandrano koa. **34** Ary dia nisy tonga avy tany amin' ny firenena rehetra mba hihaino ny fahendren' i Solomona, dia avy amin' ny mpanjakan' ny tany rehetra izay efa nahare ny amin' ny fahendreny.

5 Ary Hirama, mpanjakan' i Tyro, naniraka ny mpanompony ho any amin' i Solomona, satria reny fa izy no voahosotra ho mpanjaka handimby an-drainy; fa Hirama dia sakaizan' i Davida hatrizay ela izay. **2** Ary Solomona naniraka tany amin' i Hirama hanao hoe: **3** Fantatrao fa Davida raiko tsy nahavita trano ho an' ny anaran' i Jehovah Andriamaniny noho ny ady nanodidina azy, ambara-panaon' i Jehovah ireo ho eo ambanin' ny faladiany. **4** Fa ankehitriny Jehovah Andriamanitro efa nanome ahy fitsaharana amin' ny manodidina, ka tsy misy fahavalo na loza manjo intsony. **5** Ary, indro, izaho mikasa hanao trano ho an' ny anaran' i Jehovah Andriamanitro, araka ilay nolazain' i Jehovah tamin' i Davida raiko hoe: Ny zanakao izay hapetrako eo amin' ny seza fiandriananao handimby anao, izy no hanao trano ho an' ny anarako. **6** Roa dia mba asaovy misy mikapa hazo sedera any Libanona ho ahy; ary ny vahoakako hiarata amin' ny vahoakanao, ka ny karaman' ny vahoakanao dia homeko anao araka izay hotononinao; fa fantatrao fa tsy mba misy olona atỳ aminay mahay mikapa hazo tahaka ny Sidoniana. **7** Ary rehefa ren' i Hirama ny tenin' i Solomona, dia faly indrindra izy ka nanao hoe: Ankehitriny izao dia isaorana anie Jehovah, Izay nanome zanakalahy hendry ho Davida hanapaka izao olona betsaka izao. **8** Ary Hirama naniraka tany amin' i Solomona hanao hoe: Efa reko ny nanirahanao tatỳ amiko; koa izaho dia hanao izay rehetra irinao ny amin' ny hazo sedera sy ny hazo kypreso. **9** Ny vahoakako hitondra azy midìna avy any Libanona ho any amin' ny ranomasina, ary hofeheziko ka hampandehaniko mitsinkafona amin' ny rano ho any amin' izay hotononinao, ary any vao hoberahiko izy, ka dia ianao kosa no hampaka azy; ary ianao dia hanao izay iriko amin' ny fanomezan-kanina ho an' ny ankohonako. **10** Ary Hirama dia nanome hazo sedera sy hazo kypreso ho an' i Solomona araka izay rehetra nilainy. **11** Ary Solomona kosa nanome an' i Hirama vary tritika roa alina kora ho an' ny ankohonany ary diloilo roa-polo kora avy amin' ny oliva voatoto; izany no nomen' i Solomona an' i Hirama isan-taona isan-taona. **12** Ary Jehovah nanome fahendrena an' i Solomona, araka izay nolazainy taminy; ary nihavana Hirama sy Solomona, ka nanao fanekena izy roa lahy. **13** Ary Solomona mpanjaka naka olona tamin' ny Isiraely rehetra hanao fanompoana, ka olona telo alina no nalainy. **14** Ary nirahiny nankany Libanona ireny, dia iray alina no indray milatsaka isam-bolana; iray volana izy no tany Libanona, ary roa volana kosa mba tany an-tranony; ary Adonirama no nifehy azy rehetra. **15** Ary Solomona nanana mpitondra entana fito alina sy tambato valo alina teny an-tendrombohitra, **16** afa-tsy ny lehiben' ireo olona voatendrin' i Solomona ireo, izay nitandrina ny raharaha, dia telonjato amby telo arivo lahy izay nifehy ny mpiasa. **17** Ary ny mpanjaka dia nandidy hanamboatra vato vaventy tsara sady voapaika hatao fanorenan' ny trano. **18** Ary ny mpiasan' i Solomona sy Hirama (indrindra fa ny avy any Gebala) no nipaika sy nanamboatra ny hazo sy ny vato hatao trano.

6 Ary tamin' ny taona fahavalo-polo amby efa-jato taorian' ny nialan' ny Zanak' Isiraely tamin' ny tany Egypta tamin' ny volana Ziva (volana faharoa izany), tamin' ny taona fahefatra nanjakan' i Solomona tamin' ny Isiraely, dia nanorina ny tranon' i Jehovah izy. **2** Ary ny trano nataon' i Solomona mpanjaka ho an' i Jehovah dia enim-polo hakiho ny lavany, ary roa-polo hakiho ny sakany, ary telo-polo hakiho ny hahavony. **3** Ary ny lavarangana fidirana teo anoloan' ny ati-trano lehibe, dia roa-polo hakiho ny lavany mifanerana amin' ny sakan' ny trano, ary folo akiho ny habeny teo anoloan' ny trano ihany. **4** Ary ny varavarankelin' ny trano nataony makarakara tsy mivoha. **5** Ary tamin' ny lafin-trano dia nasiany paosin-trano mifanongoa manodidina, na amin' ny ati-trano lehibe, na amin' ny efitra atiny, sady nasiany efi-trano manodidina; **6** ny efi-trano ambany indrindra, dimy hakiho ny sakany, ary ny an-tenatenany, enina hakiho ny sakany, ary ny fahatelony, dia fito hakiho sakany; fa ny rindrina ivelan'

ny trano dia ahenany manodidina isaky ny mifanongoa, mba tsy hisy hitsatoka amin' ny rindrina. **7** Ary tamin' ny nanaovana ny trano dia vato voapaika rahateo hatrany amin' ny fihadiam-bato no nanaovany azy: ka dia tsy nisy feon' ny tantanana, na fandraka, na vy fiasana, re tao an-trano tamin' ny nanaovany azy. **8** Ny varavarana mankao amin' ny efi-trano an-tenatenany dia teo amin' ny ilany ankavanan' ny trano; ary tohatra miolikolika no niakarany ho ao amin' ny efi-trano an-tenatenany, ary avy tao amin' ny an-tenatenany indray no niakarany ho ao amin' ny fahatelony. **9** Toy izany no nanaovany ny trano sy nahavitany azy; ary rairainy nopetahany hazo fisaka sedera no nataony tafon' ny trano. **10** Ary ny paosin-trano nataony manodidina ny trano, dimy hakiho avy ny hahavony, ary hazo sedera no nikambanany tamin' ny trano. **11** Ary ny tenin' i Jehovah tonga tamin' i Solomona nanao hoe: **12** Ny amin' ity trano ataonao, ity raha handeha araka ny lalako ianao sy hanaraka ny fitsipiko ary hitandrina ny didiko rehetra ka hanaraka azy, dia hotanterahiko aminao ny teniko, izay nolazaiko tamin' i Davida rainao; **13** ary hitoetra ao amin' ny Zanak' Isiraely Aho ka tsy hahafoy ny Isiraely oloko. **14** Ary nataon' i Solomona ny trano, ka dia vitany. **15** Ary ny rindrina anatiny nopetahany hazo sedera; hatramin' ny vodi-rindrina ka hatramin' ny loha-rindrina dia nopetahany hazo avokoa ary hazo kypreso no nataony gorodon' ny trano. **16** Ary ny roa-polo hakiho hatreo amin' ny rindrina farany dia nasiany efitra hazo sedera hatramin' ny vodirindrina ka hatramin' ny loha-rindrina, ary nataony ho efitra anatiny izany, dia ny fitoerana masìna indrindra. **17** Ary ny lavan' ny ati-trano lehibe teo anoloan' io dia efa-polo hakiho. **18** Ary ny sedera amin' ny ati-trano dia nosoratany nasiany sarin' ny voantango sy voninkazo mivelatra; sedera avokoa izy, ka tsy nisy vato niseho. **19** Nanisy efitra anatiny tao anatin' ny trano izy hametrahany ny fiaran' ny faneken' i Jehovah. **20** Ary teo anoloan' ny efitra anatiny roa-polo hakiho ny lavany, ary roa-polo hakiho ny sakany, roa-polo hakiho koa ny hahavony, sady voapetaka takela-bolamena tsara izy dia nopetahany hazo sedera ny alitara. **21** Ary nopetahan' i Solomona takela-bolamena tsara indrindra ny atin' ny trano; sady nasiany vakoka volamena hisakana eo anoloan' ny efitra anatiny; ary nopetahany takela-bolamena koa ny alitara. **22** Izao ati-trano rehetra izao dia nopetahany takela-bolamena avokoa; ary ny alitara momba ny efitra anatiny koa dia nopetahany takela-bolamena avokoa. **23** Ary tao anatin' ny efitra anatiny dia nasiany kerobima hazo oliva roa, samy folo hakiho avy no hahavony. **24** Ary samy dimy hakiho avy ny elatry ny kerobima iray, dia folo hakiho hatramin' ny tendron' elany anankiray ka hatramin' ny tendron' elany anankiray. **25** Ary ny kerobima iray koa folo hakiho; fa ny kerobima roa mitovy halehibe sy mitovy tarehy: **26** Folo hakiho ny hahavon' ny kerobima iray, ary tahaka io ihany koa ny kerobima anankiray. **27** Ary ny kerobima nataony tao afovoan' ny trano anatiny; ary ny elany nataony mivelatra, ka ny ilany samy nipaka tamin' ny rindrina avy, ary ny ilany nifanendry teo afovoan' ny trano. **28** Ary nopetahany takela-bolamena ny kerobima. **29** Ary ny rindrina manodidina nosoratany nasiany sarin' ny kerobima sy hazo rofia ary voninkazo mivelatra, na ny efitra anatiny, na ny ati-trano lehibe. **30** Ary nopetahany takela-bolamena ny gorodona, na ny teo amin' ny efi-trano anatiny, na ny teo amin' ny ati-trano lehibe. **31** Ary ny varavarana mankao amin' ny efitra anatiny dia nasiany lela-varavarana hazo oliva kopa-droa, ary ny tolany sy ny momba azy dia ampahadimin' ny sakan-trano. **32** Ny lela-varavarana hazo oliva kopa-droa dia nosoratany nasiany sarin' ny kerobima sy hazo rofia ary voninkazo mivelatra, ary, nopetahany volamena manify ny kerobima: sy ny hazo rofia. **33** Dia toy izany koa ny varavarana mankao amin' ny ati-trano lehibe, dia nasiany tolam-baravarana hazo oliva mahafeno ny ampahefatry ny sahan-trano. **34** Ary ny lela-varavarana hazo kypreso kopa-droa dia kamban-droa samy nisy savily avy. **35** Ary nosoratany nasiany sarin' ny kerobima sy ny hazo rofia ary voninkazo mivelatra ireo, dia nopetahany volamena manify ny sorany. **36** Ary nanao ny kianja tao anatiny tamin' ny vato voapaika telo an-dalana sy hazo sedera iray an-dalana izy. **37** Tamin' ny volana Ziva tamin' ny taona fahefatra, no; nanaovany ny fanorenan' ny tranon' i Jehovah. **38** Ary tamin' ny volana Bola (volana fahavalo izany), tamin' ny taona fahiraika ambin' ny folo, no nahavitany ny trano araka ny fombany rehetra sy izay rehetra nahamety azy. Dia fito taona no nanaovany azy.

7 Ary telo ambin' ny folo taona no nanaovan' i Solomona ny lapany, dia vita. **2** Fa nanao ilay trano Alan' i Libanona izy: zato hakiho ny lavany, dimam-polo hakiho ny sakany, ary telo-polo hakiho ny hahavony, teo ambonin' ny andry sedera efatra an-dalana mbamin' ny sedera rairainy teo ambonin' ny andry. **3** Ary ireo efi-trano teo ambonin' ny andry notafoany hazo sedera; ary ny isany dia dimy ambin' ny folo isan' an-dalana, ka dimy amby efa-polo izy rehetra. **4** Ary ny rairainy dia telo an-dalana, ary ny varavarankely dia nifanandrify intelo. **5** Ary ny varavarana rehetra sy ny tolana dia natao efa-joro; ary ny varavarankely nifanandrify intelo. **6** Ary dia nataony koa ny lavarangana maro andry; dimam-polo hakiho ny lavany, ary telo-polo hakiho ny sakany; nisy koa ny lavarangana fidirana teo anoloany; ary nisy andry sy tokonana koa teo anoloan' io. **7** Ary nataony koa ny lavarangana hitoeran' ny seza fiandrianana izay hitsarany, dia ny lavarangana fitsarana; ary nataony hazo sedera avokoa ny gorodona rehetra. **8** Ary ny tranony izay nitoerany teo amin' ny kianja hafa tao anatinatiny kokoa noho ny lavarangana fidirana dia nitovy rafitra tamin' io koa. Ary Solomona nanao trano tahaka izany lavarangana fidirana izany koa ho an' ny zanakavavin' i Farao, izay efa nampakariny ho vady. **9** Izany rehetra izany dia vato tsara avokoa voapaika araka ny marika, sady voatsofa ny atiny sy ny ivelany, hatramin' ny fanambaniny ka hatramin' ny tongolany, ary teo ivelany koa hatramin' ny kianja lehibe. **10** Ary vato tsara sady lehibe ny fanorenany, dia vato folo hakiho sy valo hakiho. **11** Ary teo ambony nisy vato tsara voapaika araka ny marika sy hazo sedera; **12** ary manodidina ny kianja lehibe dia nasiany vato voapaika telo an-dalana sy hazo sedera iray an-dalana, tahaka ny amin' ny kianja anatiny amin' ny tranon' i

Jehovah sy amin' ny lavarangana fidirana amin' ny trano. **13** Ary Solomona mpanjaka naniraka haka an' i Hirama avy tany Tyro. **14** Zanaky ny vehivavy mpitondra-tena tamin' ny firenen' i Naftaly izy, nefa rainy dia lehilahy Tyriana, mpiasa varahina; feno fahendrena sy fahiratan-tsaina ary fahaizana izy hahavitany ny asa varahina rehetra. Dia tonga tao amin' i Solomona mpanjaka Hirama ka nanao izay asa rehetra tao aminy. **15** Dia nanao ny andry varahina roa izy: valo ambin' ny folo hakiho avy ny hahavony, ary roa ambin' ny folo hakiho ny manodidina azy. **16** Ary nanao kapitaly varahina roa an-idina izy hatao eo amin' ny tampon' ny andry: dimy hakiho avy ny hahavony, **17** ary harato sy fesitona miolana amin' ny kapitaly izay teo amin' ny tampon' ny andry avy: fito amin' ny kapitaly iray, ary fito koa amin' ny kapitaly iray. **18** Ary nanao ny andry izy, ary nisy roa andalana manodidina tamin' ny asa harato iray, hafono ny kapitaly izay teo an-tampon' ny andry; ary toy izany koa no nataony tamin' ny kapitaly iray. **19** Ary ny kapitaly izay teo an-tampon' ny andry dia nataony mitarehim-boninkazo lilia tahaka ny amin' ny lavarangana fidirana, ary efatra hakiho ny hahavony; **20** ary ny kapitaly teo an-tampon' ny andry roa dia teo ambony koa, teo akaikin' ny kibony izay anatin' ny harato; ary nisy sarin' ampongabendanitra roanjato nifanandalana nanodidina ny kapitaly avy. **21** Ary ny andry dia natsangany teo amin' ny lavarangana fidirana amin' ny efitra lehibe: ny andry ankavanana natsangany, ka ny anarany nataony hoe Jakina; ary ny andry ankavia natsangany koa, ka ny anarany nataony hoe Boaza. **22** Ary nisy natao mitarehim-boninkazo lilia teo an-tampon' ny andry. Toy izany no nahavitany ny asa tamin' ny andry. **23** Ary nanao ny tavin-drano an-idina boribory lehibe izy, ka folo hakiho no halehiben' ny vavany ary dimy hakiho ny hahavony, ary telo-polo hakiho ny manodidina azy. **24** Ary tambanin' ny molotry ny tavin-drano lehibe manodidina nisy sarim-boantango manodidina azy, folo amin' ny iray hakiho manodidina ny tavin-drano lehibe, ary naidiny ho roa an-dalana ny sarim-boantango sady niara-nataony an-idina tamin' ny tavin-drano. **25** Ary ny tavin-drano dia nipetraka tambonin' ny sarin' omby roa ambin' ny folo; ny telo nanatrika ny avaratra, ny telo nanatrika ny andrefana, ny telo nanatrika ny atsimo, ary ny telo nanatrika ny atsinanana; ary ny tavin-drano lehibe dia teo ambonin' ireo, ary niady vody izy rehetra. **26** Ary ny hateviny dia vodivoampelatanana, ary ny molony nataony tahaka ny molotry ny kapoaka, dia tahaka ny vonin' ny lilia; ary nahalany roa arivo bata izy. **27** Ary nanao ny fitoeran-tavin-drano varahina folo izy: efatra hakiho ny lavan' ny anankiray, ary efatra hakiho koa ny sakany, ary telo hakiho ny hahavony. **28** Ary toy izao ny asa amin' ireo fitoeran-tavin-drano ireo: nisy kobany izy, ary ireo kobany ireo dia teo anatin' ny sisiny; **29** ary tamin' ny kobany izay nohodidinin' ny sisiny dia nisy sarin-diona sy omby ary kerobima; ary teo ambonin' ny sisiny koa nisy faladiany; ary teo ambanin' ny sarin-diona sy omby nisy fesitona mihantona. **30** Ary isan' ireo fitoeran-tavin-drano ireo nisy kodia varahina efatra sy tanan-kodia varahina, ary ny tongony efatra nisy sorony; teo ambanin' ny tavin-drano no nisy ny sorony an-idina manandrify ny fesitona tsirairay. **31** Ary ny vavan' ny fitoeran-tavin-drano dia teo anatin' ny kapitaliny, ary mbola nisy iray hakiho teo ambonin' io; ary ny vavany dia hakiho iray sy tapany sady boribory tahaka ny amin' ny faladia, ary tamin' ny vavany koa nisy soratra, ary ny kobany teo aminy dia efajoro, fa tsy boribory. **32** Ary ny kodia efatra dia teo ambanin' ny kobany; ary ny fihazonana ny tanan-kodia dia nikambana tamin' ny fitoeran-tavin-drano ihany; ary hakiho iray sy tapany ny hahavon' ny kodia. **33** Ary ny fomban' ny kodia dia tahaka ny amin' ny kodian-kalesy: ny tànany sy ny boriboriny manodidina azy sy ny tanamasoandrony ary ny foitrany dia nataony an-idina avokoa. **34** Ary nisy sorony efatra tamin' ny zorony efatra amin' ny fitoeran-tavin-drano iray, sady nitranga avy teo amin' ny fitoeran-tavin-drano ireo. **35** Ary teo an-tampon' ny fitoeran-tavin-drano dia nisy boribory manodidina, irain-jehy ny hahavony; ary teo an-tampon' ny fitoeran-tavin-drano koa ny fitombenany sy ny kobany dia natao an-idina iray aminy. **36** Fa ny koban' ny sorony sy ny kobany hafa nosoratany nasiany sarin' ny kerobima sy liona ary hazo rofia, araka izay nahafeno azy avy, sady nasiany fesitona manodidina. **37** Tahaka izany no nanaovany ny fitoeran-tavin-drano folo: samy natao an-idina avokoa, ary nitovy halehibe sy nitovy tarehy izy. **38** Ary nanao tavin-drano varahina folo koa izy; ny tavin-drano samy nahalany efa-polo bata avy; ary samy efatra hakiho avy ny tavin-drano; ary tavin-drano iray avy no tamin' ny fitoerany folo. **39** Ary nametraka ny fitoeran-tavin-drano dimy teo ankavanan' ny trano izy, ary ny dimy teo ankavian' ny trano, ary ilay tavin-drano lehibe nataony teo ankavanan' ny trano, dia teo atsimo-atsinanana. **40** Ary Hirama nanao ny tavin-drano sy ny sotron' afo ary ny lovia famafazana; ka dia vitan' i Hirama ny asa rehetra izay nataony ho an' i Solomona mpanjaka ho amin' ny tranon' i Jehovah: **41** dia ny andry roa sy ny boriboriny roa amin' ny kapitaly izay teny an-tampon' ny andry roa, sy ny harato roa izay hafono ny boriboriny roa amin' ny kapitaly izay teo an-tampon' ny andry avy, **42** ary ny sarin' ampongabendanitra efajato ho amin' ny harato roa, ampongabendanitra roa andalana ho amin' ny harato iray hafono ny boriboriny roa amin' ny kapitaly izay teny an-tampon' ny andry avy, **43** ary ny fitoeran-tavin-drano folo sy ny tavin-drano folo ho eo ambonin' ny fitoerany **44** ary ny tavin-drano lehibe iray sy ny sarin' omby roa ambin' ny folo teo ambaniny. **45** ary ny vilany fandraofan-davenona sy ny sotron' afo ary ny lovia famafazana. Ary ireo fanaka rehetra ireo, izay nataon' i Hirama ho an' i Solomona mpanjaka ho amin' ny tranon' i Jehovah, dia varahina manganohano avokoa. **46** Teo amin' ny tany amoron' i Jordana no nanaovan' ny mpanjaka anidina azy tamin' ny tanimanga teo anelanelan' i Sokota sy Zaretana. **47** Ary tsy nolanjain' i Solomona ny fanaka rehetra, satria be loatra izy; ary tsy nozahana izay lanjan' ny varahina. **48** Ary Solomona nanao ny fanaka rehetra izay ao amin' ny tranon' i Jehovah: ny alitara volamena sy ny latabatra volamena, izay fitoeran' ny mofo aseho, **49** ary ny fanaovan-jiro, dimy amin' ny ankavanana ary dimy amin' ny ankavia, teo anoloan' ny efitra anatiny, dia samy volamena tsara; ary ny voniny sy ny lela fanaovan-

jiro ary ny hetin-jiro dia volamena koa; **50** ary ny vilia sy ny antsy sy ny lovia famafazana sy ny lovia kely sy ny fitoeran-davenon-jiro dia volamena tsara; ary ny vavin-tsavily ho amin' ny lela-varavaran' ny efitra anatiny, dia ny fitoerana masìna indrindra, sy ho amin' ny lela-varavaran' ny efi-trano lehibe dia volamena avokoa. **51** Toy izany no nahavitana ny asa nataon' i Solomona mpanjaka ho amin' ny tranon' i Jehovah; ary nampidirin' i Solomona ny zavatra izay efa nohamasinin' i Davida rainy, dia ny volafotsy sy ny volamena ary ny fanaka, sa nataony tao amin' ny rakitry ny tranon' i Jehovah.

8 Ary tamin' izany Solomona mpanjaka dia namory ny loholon' ny Isiraely sy ny lohan' ny firenena rehetra, dia ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny Zanak' Isiraely, ho ao aminy tany Jerosalema mba hampakatra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah avy ao Ziona. Tanànan' i Davida. **2** Dia nivory ho any amin' i Solomona mpanjaka ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely tamin' ny andro firavoravoana tamin' ny volana Etanima (volana fahafito izany). **3** Ary tonga ny loholon' ny Isiraely rehetra, ary ny mpisorona no nitondra ny fiara; **4** ary dia nampakariny ny fiaran' i Jehovah sy ny trano-lay fihaonana mbamin' ny fanaka masìna rehetra izay tao amin' ny lay. Nampakarin' ny mpisorona sy ny Levita ireo zavatra ireo. **5** Ary Solomona mpanjaka sy ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, izay nivory teo aminy teo anoloan' ny fiara, dia samy namono zavatra hatao fanatitra, dia ondry aman' osy sy omby izay tsy tambo isaina sady tsy hita isa noho ny hamaroany. **6** Ary ny fiaran' ny faneken' i Jehovah dia nampidirin' ny mpisorona ho ao amin' ny fitoerany tao anatin' ny efi-trano anatiny, dia ny fitoerana masìna indrindra, teo ambanin' ny elatry ny kerobima, **7** fa nivelatra teo ambonin' ny fitoeran' ny fiara ny elatry ny kerobima ka nanaloka ny fiara sy ny baony. **8** Ary lava ny bao, ka hita ny lohany, raha amin' ny fitoerana masìna eo anoloan' ny efitra anatiny, nefa tsy hita raha eny ivelany; ary mbola ao mandraka androany izy. **9** Ary tsy nisy na inona na inona tao anatin' ny fiara afa-tsy ny vato fisaka roa, izay nataon' i Mosesy tao anatiny tany Horeba, fony Jehovah nanao fanekena tamin' ny Zanak' Isiraely tamin' ny nivoahany avy tany amin' ny tany Egypta. **10** Ary nony nivoaka avy tao amin' ny fitoerana masìna ny mpisorona, dia nameno ny tranon' i Jehovah ny rahona; **11** ka dia tsy nahajanona hanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona noho ny rahona, satria ny voninahitr' i Jehovah nameno ny tranon' i Jehovah. **12** Dia hoy Solomona: Jehovah efa nilaza fa hitoetra ao amin' ny aizim-pito Izy. **13** Efa nanao trano hitoeranao tokoa aho, dia fitoerana hitoeranao mandrakizay. **14** Ary ny mpanjaka nitodika ka nitso-drano ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra (nitsangana avokoa ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra), **15** ka nanao hoe: Isaorana anie Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, fa ny vavany efa niteny tamin' i Davida raiko, ary ny tànany no nahatanteraka izany taminy, dia ilay hoe: **16** Hatramin' ny andro nitondrako ny Isiraely oloko nivoaka avy tany Egypta dia tsy mbola nisy tanàna nofidiko tamin' ny firenen' Isiraely rehetra hanaovana trano hitoeran' ny anarako; fa nifidy an' i Davida Aho hanapaka ny Isiraely oloko. **17** Ary efa mby tao am-pon' i Davida raiko ny hanao trano ho an' ny anaran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **18** Nefa hoy Jehovah tamin' i Davida raiko: Satria tao am-ponao ny fikasana hanao trano ho an' ny anarako, dia tsara izany fikasanao izany. **19** Kanefa kosa tsy ianao no hanao ny trano, fa ny zanakao izay haterakao, izy no hanao ny trano ho an' ny anarako. **20** Ary Jehovah efa nahatanteraka ny teniny izay nolazainy, koa nitsangana handimby an' i Davida raiko aho ary mipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely tahaka ny efa nolazain' i Jehovah, sady efa nanao ny trano ho an' ny anaran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, aho. **21** Ary nasiako fitoerana teo ho an' ny fiara izay itoeran' ny faneken' i Jehovah, ilay nataony tamin' ny razantsika fony Izy nitondra azy nivoaka avy tany Egypta. **22** Ary Solomona nitsangana teo anoloan ny alitaran' i Jehovah teo anatrehan' ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, ka namelatra ny tànany nanandrify ny lanitra **23** ary nanao hoe. Ry Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, tsy misy Andriamanitra tahaka Anao na amin' ny lanitra ambony na amin' ny tany ambany, Izay mitandrina ny fanekenao sy ny famindram-ponao ho an' ny mpanomponao izay mandeha eo anatrehanao amin' ny fony rehetra, **24** sady efa nahatanteraka tamin' i Davida raiko mpanomponao ilay nolazainao taminy, fa nolazain' ny vavanao izany dia notanterahin' ny tananao tahaka ny amin' izao anio izao. **25** Koa tanteraho amin' i Davida raiko mpanomponao, Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, ilay nolazainao taminy hoe: Tsy ho diso zanakalahy eo anatrehako ianao hipetraka amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely, raha ny zanakao mitandrina ny alehany handehanany eo anatrehako tahaka ny nandehananao teo anatrehako. **26** Koa ankehitriny ry Andriamanitry ny Isiraely ô, mifona aminao aho, aoka ho tò anie ny teninao, izay nolazainao tamin' i Davida raiko mpanomponao. **27** Andriamanitra va dia honina etỳ an-tany tokoa? He! ny lanitra, ary ny lanitry ny lanitra aza tsy omby Anao, koa mainka fa ity trano nataoko ity! **28** Koa atreho ny fivavaka sy ny fifonan' ny mpanomponao, Jehovah Andriamanitro ô, mba hohenoinao ny fitarainana sy ny fivavaka izay ataon' ny mpanomponao eto anatrehanao anio, **29** mba hihiratan' ny masonao andro aman' alina amin' ity trano ity, dia amin' ny fitoerana nolazainao hoe: Ho ao ny anarako hihainoanao ny vavaka izay ataon' ny mpanomponao manatrika ity fitoerana ity. **30** Ary henoy ny fifonan' ny mpanomponao sy ny Isiraely olonao, raha mivavaka manatrika ity fitoerana ity izy; dia mihainoa any an-danitra fonenanao Hianao; eny, mihainoa ka mamelà heloka. **31** Raha misy olona manota amin' ny namany, ary ampianianiny, ka tonga hianiana eo anoloan' ny alitaranao amin' ity trano ity izy, **32** dia mihainoa any an-danitra Hianao, ka manaova, ary mitsarà ny mpanomponao, hanameloka ny ratsy fanahy ka hampitsingerina ny nataony ho amin' ny lohany, ary hanamarina ny marina kosa ka hanome azy araka ny fahamarinany. **33** Raha resy eo anoloan' ny fahavalo ny Isiraely olonao noho ny nanotany taminao, ary miverina aminao sy manaiky ny anaranao indray ka mivavaka sy mifona aminao eto amin' ity trano ity izy,

34 dia mihainoa any an-danitra Hianao, ka mamelà ny fahotan' ny Isiraely olonao, ary ampodio amin' ny tany nomenao ny razany izy. **35** Raha mihantona ny andro ka tsy misy ranonorana noho ny nanotan' ny olona taminao, ka mivavaka manatrika ity fitoerana ity izy ka manaiky ny anaranao sady miala amin' ny fahotany, satria ampahorinao, **36** dia mihainoa any an-danitra Hianao, ka mamelà ny fahotan' ny mpanomponao, dia ny Isiraely olonao satria atoronao azy ny lalana tsara izay tokony halehany, ary mandatsaha ranonorana amin' ny taninao, izay nomenao ho lovan' ny olonao. **37** Raha misy mosary amin' ny tany, na areti-mandringana, na mainan' ny rivotra ny vary, na maty fotsy, na misy valala sy sompanga, na misy fahavalo manao fahirano azy ao amin' ny taniny, dia ao amin' ny tanànany, na inona fahoriana, na inona aretina, **38** izay vavaka rehetra sy fifonana rehetra ataon' olona, na ny Isiraely olonao rehetra, izay samy mahalala ny fahorian' ny fony avy, ka mamelatra ny tànany manatrika ity trano ity izy **39** dia mihainoa any an-danitra fonenanao Hianao, ka mamelà heloka, ary manaova, ka omeo ny olonao araka ny alehany rehetra, fa fantatrao ny fony (fa Hianao dia Hianao irery ihany no mahalala ny fon' ny zanak' olombelona rehetra), **40** mba hatahorany Anao amin' Izay andro rehetra hiainany etỳ amin' ny tany nomenao ny razanay. **41** Ary henoy koa ny vahiny izay tsy isan' ny Isiraely olonao, fa tonga avy any amin' ny tany lavitra noho ny amin' ny anaranao izy **42** (fa ho reny ny anaranao lehibe sy ny tananao mahery ary ny sandrinao ahinjitra), koa raha avy izy ka mivavaka manatrika ity trano ity, **43** dia mihainoa any an-danitra fonenanao Hianao, ka manaova araka izay rehetra iantsoan' ny vahiny Anao, mba ho fantatry ny firenena rehetra ambonin' ny tany ny anaranao hatahorany Anao tahaka ny ataon' ny Isiraely olonao ihany, ary mba ho fantany fa ny anaranao no efa nantsoina tamin' ity trano nataoko ity. **44** Raha mivoaka hiady amin' ny fahavalon' ny olonao, na ho aiza na ho aiza no hanirahanao azy, ka mivavaka amin' i Jehovah manandrify ny tanàna izay nofidinao sy ny trano izay nataoko ho an' ny anaranao izy, **45** dia henoy any an-danitra ny fivavany sy ny fifonany, ka omeo rariny izy. **46** Raha manota aminao izy (fa tsy misy olombelona tsy manota), ka tezitra aminy Hianao ary manolotra azy eo anoloan' ny fahavalony, ka dia ho entin' ny mpamabo ho babo any amin' ny tanin' ny fahavalo izy, na ho lavitra na ho akaiky. **47** ary mahatsiaro any amin' ny tanin' ireo namabo azy ireo izy, ka mibebaka sy mifona aminao any amin' ny tany izay nitondrany azy ho babo ary manao hoe: Efa nanota izahay sady efa nanao meloka sy efa nanao ratsy. **48** ka dia miverina aminao amin' ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra ao amin' ny tanin' ny fahavalony izay namabo azy izy, ary mivavaka aminao manandrify ny taniny izay nomenao ny razany sy ny tanàna izay nofidinao ary ny trano izay nataoko ho an' ny anaranao, **49** dia henoy any an-danitra fonenanao ny fivavany sy ny fifonany, ka omeo rariny izy; **50** eny, mamelà ny heloky ny olonao izay nanota taminao sy ny fahadisoany rehetra izay nataony taminao, ary ataovy mahazo famindram-po amin' izay mamabo azy izy, dia ny hamindran' ireo fo aminy; **51** fa olonao sy lovanao izy, izay nentinao nivoaka avy tany Egypta, dia avy tao amin' ny memy fandrendreham-by, **52** mba hihiratan' ny masonao amin' ny fifonan' ny mpanomponao sy ny fifonan' ny Isiraely olonao hihaino azy amin' izay rehetra iantsoany Anao. **53** Fa Hianao, Jehovah, Tompo ô no nanavaka azy tamin' ny firenena rehetra ambonin' ny tany ho lovanao, araka izay nampilazainao an' i Mosesy mpanomponao tamin' ny nitondranao ny razanay nivoaka avy tany Egypta. **54** Ary rehefa vita izany vavaka sy fifonana vehetra nataon' i Solomona tamin' i Jehovah: any, dia nitsangana niala teo amin' ny alitaran' i Jehovah izay efa nandohalehan' ny lohaliny sy efa namelarany ny tànany ho amin' ny lanitra izy. **55** Ary nitsangana izy ka nitso-drano ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, tamin' ny feo mahery hoe: **56** Isaorana anie Jehovah, izay nanome fitsaharana ho an' ny Isiraely olony araka izay rehetra nolazainy; tsy misy latsaka na dia teny iray aza tamin' izay teny soa rehetra nampilazainy an' i Mosesy mpanompony. **57** Jehovah Andriamanitsika anie no amintsika, tahaka ny tamin' ny razantsika; aoka tsy handao na hahafoy antsika Izy, **58** mba hampanatoniny Azy ny fontsika handehanantsika amin' ny lalany rehetra sy hitandremantsika ny lalàny sy ny didiny ary ny fitsipiny izay nandidiany ny razantsika. **59** Ary aoka izany teny nifonako teto anatrehan' i Jehovah izany ho ao amin' i Jehovah Andriamanitsika andro aman' alina, mba hanomezany rariny ho ahy mpanompony sy ny Isiraely olony araka izay tandrifiny ho azy isan' andro, **60** mba ho fantatry ny firenena rehetra ambonin' ny tany fa Jehovah no Andriamanitra, fa tsy misy afa-tsy Izy. **61** Ary aoka ho marina amin' i Jehovah Andriamanitsika anie ny fonareo, handehananareo amin' ny didiny sy hitandremanareo ny lalàny, tahaka ny amin' izao anio izao. **62** Ary ny mpanjaka sy ny Isiraely rehetra teo aminy dia namono zavatra hatao fanatitra eo anatrehan' i Jehovah. **63** Ary Solomona namono zavatra hatao fanati-pihavanana, Izay nateriny ho an' i Jehovah, dia omby roa arivo amby roa alina sy ondry aman' osy roa alina amby iray hetsy. Toy izany no nitokanan' ny mpanjaka sy ny Zanak' Isiraely rehetra ny tranon' i Jehovah. **64** Ary androtr' io ihany no nanamasinan' ny mpanjaka ny afovoan' ny kianja izay teo anoloan' ny tranon' i Jehovah; fa teo no nanaterany fanatitra dorana sy fanatitra hohanina ary ny saboran' ny fanati-pihavanana; fa kely loatra ny alitara varahina izay teo anatrehan' i Jehovah ka tsy omby ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hohanina ary ny saboran' ny fanati-pihavanana. **65** Ary tamin' izany andro izany Solomona sy ny Isiraely rehetra teo aminy, dia fiangonana lehibe hatrany akaikin' i Hamata ka hatramin' ny lohasahan-driak' i Egypta, dia nitandrina ny andro firavoravoana teo anatrehan' i Jehovah Andriamanitsika hafitoana indroa, dia efatra ambin' ny folo andro. **66** Ary nony tamin' ny andro fahavalo dia nampodiny ny olona, ary nisaotra andriana izy, dia lasa nandeha ho any an-dainy avy, sady faly no ravoravo ny fony noho ny soa rehetra nataon' i Jehovah tamin' i Davida mpanompony sy ny Isiraely olony.

9 Ary rehefa vitan' i Solomona ny nanaovany ny tranon' i Jehovah sy ny lapan' ny mpanjaka araka izay rehetra efa niriny hatao, **2** dia niseho tamin' i Solomona indray Jehovah tahaka ilay nisehoany taminy tao Gibeona. **3** Ary hoy Jehovah taminy: Efa reko ny vavakao sy ny fifonanao izay nataonao teo anatrehako; koa efa nohamasiniko ity trano nataonao ity mba hampitoerana ny anarako mandrakizay: ary ho amin' ity mandrakariva ny masoko sy ny foko. **4** Ary raha ianao handeha eo anatrehako tahaka ny nandehanan' i Davida rainao tamin' ny fahitsian' ny fo sy ny fahamarinana ka hanao araka izay rehetra nandidiako anao ary hitandrina ny didiko sy ny fitsipiko, **5** dia hampitoeriko mandrakizay amin' ny Isiraely ny seza fiandrianan' ny fanjakanao, araka ilay nolazaiko tamin' i Davida rainao hoe: Tsy ho diso zanakalahy amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely ianao. **6** Fa raha miala amin' ny fanarahana Ahy kosa ianareo na ny zanakareo ka tsy mitandrina ny lalàko sy ny didiko, izay nataoko teo anoloanareo, fa mandeha manompo andriamani-kafa sy miankohoka eo anatrehany, **7** dia hofongorako tsy ho amin' ny tany izay nomeko azy ny Isiraely; ary ity trano izay nohamasiniko ho an' ny anarako ity dia hofongorako tsy ho eo imasoko; ary ny Isiraely ho tonga ohabolana sy ambentinteny any amin' ny firenena rehetra; **8** ary na dia avo aza ity trano ity, dia mbola hitalanjonan' izay rehetra mandalo izy sady hisitrisirany ka hanaovany hoe: Naninona re no dia nataon' i Jehovah toy izao ity tany sy ity trano ity? **9** Ary hisy hamaly hoe: Satria ny olona nahafoy an' i Jehovah Andriamaniny, Izay nitondra ny razany nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, ary nikikitra tamin' andriamani-kafa sy niankohoka teo anatrehany ka nanompo azy, dia izany no nampidiran' i Jehovah izao loza rehetra izao taminy. **10** Ary nony afaka ny roa-polo taona nanaovan' i Solomona ny trano roa, dia ny tranon' i Jehovah sy ny lapan' ny mpanjaka **11** (Hirama, mpanjakan' i Tyro, nanome an' i Solomona hazo sedera sy hazo kypreso ary volamena, araka izay rehetra niriny), dia nomen' i Solomona tanàna roa-polo tany amin' ny tany Galilia kosa Hirama. **12** Ary Hirama niala tany Tyro hizaha ny tanàna izay nomen' i Solomona azy, ka tsy tiany ireny. **13** Dia hoy izy: Hatao inona ireo tanàna nomenao ahy ireo, ry rahalahiko? Ary ireny dia natao hoe tany Kobola mandraka androany. **14** Ary Hirama nampanatitra talenta volamena roa-polo amby zato ho an' ny mpanjaka. **15** Ary izao no toetry ny fanompoana nampanaovin' i Solomona mpanjaka ny olona, tamin' ny nanaovany ny tranon' i Jehovah sy ny lapan' andriana ary Milo sy ny màndan' i Jerosalema, sy Hazora sy Megido ary Gazera **16** (fa Farao, mpanjakan' i Egypta, efa niakatra, dia nahafaka an' i Gazera ka nandoro azy tamin' ny afo; ary ny Kananita izay nitoetra tao antanàna dia novonoiny, ary ny tanàna dia nomeny ho harenjazavavy ho an' ny zananivavy, vadin' i Solomona), **17** ary, Solomona nanamboatra an' i Gazera sy Beti-horona ambany **18** sy Baleta sy Tadmora any an-efitra, amin' ny tany Samata, **19** ary ny tanàna fitehirizana rehetra izay nananan' i Solomona sy ny tanàna fitoeran' ny kalesy sy ny tanàna fitoeran' ny mpitaingin-tsoavaly sy izay tian' i Solomona haorina tany Jerosalema sy tany Libanona ary tany amin' ny tany nanjakany rehetra. **20** Ary ny olona sisa rehetra tamin' ny Amorita sy ny Hetita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita, izay tsy isan' ny Zanak' Isiraely, **21** dia ny taranany izay sisa nandimby azy teo amin' ny tany, izay tsy azon' ny Isiraely naringana avokoa, no nampanaovin' i Solomona fanompoana mandraka androany. **22** Fa ny Zanak' Isiraely dia tsy mba nampanaovin' i Solomona izany; fa izy kosa no miaramila sy mpanompony sy komandy sy mpanafika malaza sy komandin' ny kalesiny sy ny mpitaingin-tsoavaliny. **23** Izao no isan' ny mpifehy ny olona voatendry izay nitandrina ny asan' i Solomona: dimam-polo amby dimam-jato lahy no mpifehy ny mpiasa. **24** Ary rehefa niakatra avy any an-Tanànan' i Davida ny zanakavavin' i Farao hankany amin' ny tranony izay nataon' i Solomona ho azy, dia nanao an' i Milo koa izy. **25** Ary intelo isantaona no nanateran' i Solomona fanatitra dorana sy fanatipihavanana teo ambonin' ny alitara izay naoriny ho an' i Jehovah, sady nandoro ditin-kazo manitra teo ambonin' ny alitara teo anatrehan' i Jehovah izy. Ka toy izany no nahavitany ny trano. **26** Ary Solomona mpanjaka nanao sambo tao Ezion-gebera, izay ao anilan' i Elota, ao amoron' ny Ranomasina Mena, amin' ny tany Edoma. **27** Ary Hirama nampandeha ny vahoakany tamin' ny sambo, dia matilô izay nahay ranomasina, hiaraka amin' ny vahoakan' i Solomona. **28** Ary nankany Ofira ireo, dia naka talenta volamena roa-polo amby efa-jato, ka nentiny tany amin' i Solomona mpanjaka izany.

10 Ary ny mpanjakavavin' i Sheba, rehefa nahare ny lazan' i Solomona ny amin' ny anaran' i Jehovah, dia avy hizaha toetra azy amin' ny fanontaniana sarotra, **2** ka tonga tany Jerosalema izy mbamin' ny mpanaraka maro be sy ny rameva izay nitondra zava-manitra sy volamena sesehena ary vato soa; ary rehefa tonga tany amin' i Solomona izy, dia nilaza taminy izay rehetra tao am-pony. **3** Ary voavalin' i Solomona izy tamin' izay rehetra nanontaniany azy; tsy nisy zavatra niafina tamin' ny mpanjaka, ka dia nambarany azy avokoa. **4** Ary rehefa hitan' ilay mpanjakavavin' i Sheba ny fahendren' i Solomona rehetra sy ny trano izay nataony **5** sy ny fihinany teo amin' ny latabany sy ny fipetrahan' ny tandapany sy ny fitoeran' ny mpanompony mbamin' ny fitafian' ireo sy ny mpitondra kapoakany ary ny ambaratonga izay niakarany ho ao antranon' i Jehovah, dia talanjona terỳ izy. **6** Ka hoy izy tamin' ny mpanjaka: Marina ny teny efa reko tany amin' ny taniko ny amin' ny teninao sy ny fahendrenao. **7** kanefa tsy nino ny filazana aho, raha tsy tonga atỳ, ka ny masoko no mahita, kanjo hay! na dia ny antsasany aza tsy voalaza tamiko akory: fa, indro, ny fahendrenao sy ny voninahitrao dia mihoatra lavitra noho izay laza efa reko. **8** Sambatra lahy ny olonao, ary sambatra ireto tandapanao ireto, izay mijanona eto anatrehanao mandrakariva ka mandre ny fahendrenao **9** Isaorana anie Jehovah Andriamanitrao, Izay tia anao ka nametraka anao amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely; fa noho ny fitiavan' i Jehovah, izay itiavany ny Isiraely mandrakizay, no nanaovany anao ho mpanjaka mba hanao fitsarana sy fahamarinana. **10** Ary izy nanome

talenta volamena roa-polo amby zato sy zava-manitra sesehena ary vato soa ho an' ny mpanjaka; tsy nisy intsony zava-manitra be indrindra tonga tahaka ilay nomen' ny mpanjakavavin' i Sheba ho an' i Solomona mpanjaka. **11** Ary ny sambon' i Hirama koa, izay naka volamena avy any Ofira, dia nitondra hazo almoga be indrindra sy vato soa avy any Ofira. **12** Ary ny hazo almoga dia nataon' ny mpanjaka arofanina tamin' ny tranon' i Jehovah sy ny lapan' andriana ary nataony lokanga sy valiha ho an' ny mpihira kosa; tsy nisy hazo almoga tonga tany na hita toy izany intsony mandraka androany. **13** Ary Solomona mpanjaka nanome ny mpanjakavavin' i Sheba kosa izay rehetra niriny, na inona na inona nangatahiny, afa-tsy izay nomeny azy araka ny fanomen' i Solomona mpanjaka; ka dia niverina izy, ary lasa nody tany amin' ny taniny izy mbamin' ny mpanompony. **14** Ary ny lanjan' ny volamena izay tonga tao amin' i Solomona isan-taona dia talenta volamena enina amby enim-polo amby enin-jato, **15** afa-tsy izay azony tamin' ny mpandranto sy ny tamin' ny varotry ny mpivarotra ary tamin' ny mpanjakan' ny firenena samy hafa rehetra sy tamin' ny mpanapaka ny tany. **16** Ary Solomona mpanjaka nanao ampinga volamena lehibe roan-jato tamin' ny volamena voafisaka, ka takela-bolamena sekely enin-jato no napetaka tamin' ny ampinga lehibe iray. **17** Ary nanao ampinga volamena telonjato koa izy tamin' ny volamena voafisaka, ka takela-bolamena telo mane no napetaka tamin' ny ampinga iray. Dia napetraky ny mpanjaka tao amin' ny trano Alan' i Libanona ireo. **18** Ary ny mpanjaka dia nanao seza fiandrianana ivory lehibe, ka nopetahany takela-bolamena tsara indrindra. **19** Nisy ambaratonga enina tamin' ny seza fiandrianana; ary ny lohan' ny seza fiandrianana, dia boribory ny eo an damosiny; ary nisy fitehenan-tanana teo an-daniny roa amin' ny fipetrahana; ary nisy sarin-diona roa teo an-danin' ny fitehenan-tanana. **20** Ary nisy sarin-diona roa ambin' ny folo teo an-daniny roa teo amin' ny ambaratonga enina. Tsy nisy natao tahaka izany tany amin' ny fanjakana rehetra. **21** Ary ny fisotroan' i Solomona mpanjaka dia volamena, ary ny fanaka rehetra tao amin' ny trano Alan' i Libanona koa dia volamena tsara avokoa; tsy nisy volafotsy ireo; fa nataony toy ny tsinontsinona izany tamin' ny andron' i Solomona. **22** Fa ny mpanjaka nanana sambon' i Tarsisy mbamin' ny sambon' i Hirama teny ambonin' ny ranomasina; ary indray mandeha amin' ny telo taona no nihavian' ny sambon' i Tarsisy nitondra volamena sy volafotsy sy ivory sy rajako ary vorombola. **23** Ary Solomona mpanjaka dia nanankarena sady hendry noho ny mpanjaka rehetra ambonin' ny tany. **24** Ary ny tany rehetra nitady hahita ny tavan' i Solomona mba hihaino ny fahendrena izay nataon' Andriamanitra tao am-pony. **25** Ary izy rehetra dia samy nahatonga ny anjarany avy isan-taona, dia fanaka volafotsy sy fanaka volamena sy fitafiana sy fiadiana sy zava-manitra sy soavaly ary ampondra. **26** Ary Solomona nanangona kalesy sy mpitaingin-tsoavaly; ary nanana kalesy efajato amby arivo izy sy mpitaingin-tsoavaly roa arivo amby iray alina, izay nataony tao amin' ireo tanàna fitoeran' ny kalesy sy tao amin' ny mpanjaka tany Jerosalema. **27** Ary nataon' ny mpanjaka tahaka ny vato ny habetsaky ny volafotsy tany Jerosalema, ary ny hazo sedera nataony toy ny aviavy eny amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka. **28** Ary avy any Egypta no nahazoan' i Solomona soavaly; ary ny iray toko tamin' ny mpandranton' ny mpanjaka dia naka ny andiany iray araka izay vidiny voatendry. **29** Ary ny vidin' ny kalesy iray nentiny niakatra avy tany Egypta dia sekely volafotsy enin-jato, ary ny soavaly dia dimam-polo amby zato avy; ary toy izany kosa no nitondrany ho an' ny mpanjakan' ny Hetita sy ny mpanjakan' ny Syriana.

11 Fa Solomona mpanjaka tia vehivavy maro hafa firenena, fa tsy ilay zanakavavin' i Farao ihany, dia vehivavy Moabita sy Amonita sy Edomita sy Sidoniana ary Hetita, **2** dia vehivavy avy amin' ny firenena izay nolazain' i Jehovah tamin' ny Zanak' Isiraely hoe: Tsy hanambady azy ianareo, ary izy tsy hanambady anareo, fa hampivily ny fonareo hanaraka ny andriamaniny tokoa izy; kanjo tamin' ireo no niraiketan' ny fitiavan' i Solomona. **3** Ary dia nanana vady andriambavy fiton-jato sy vaditsindrano telonjato izy, ka nampivily ny fony ireo vadiny ireo. **4** Fa nony efa antitra Solomona, dia navilin' ny vadiny ny fony hanaraka andriamani-kafa, ka ny fony tsy mba nahitsy tamin' i Jehovah Andriamaniny tahaka ny fon' i Davida rainy. **5** Fa Solomona nanaraka an' i Astarta, andriamani-bavin' ny Sidoniana, sy Milkoma, fahavetavetan' ny Amonita. **6** Ary Solomona nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah, ka tsy mba tanteraka tamin' ny fanarahana Azy tahaka an' i Davida rainy. **7** Ary tamin' izany Solomona dia nanao fitoerana avo ho an' i Kemosy, fahavetavetan' i Moaba, teo amin' ny havoana tandrifin' i Jerosalema, ary ho an' i Moloka, fahavetavetan' ny taranak' i Amona. **8** Ary toy izany koa no nataony ho an' izay vadiny hafa firenena rehetra, izay nandoro ditin-kazo manitra sy namono zavatra hatao fanatitra ho an' ny andriamaniny. **9** Ary Jehovah tezitra tamin' i Solomona noho ny nivilian' ny fony niala tamin' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, Izay efa niseho taminy indroa **10** sady efa nandidy azy ny amin' izany zavatra izany tsy hanaraka andriamani-kafa; nefa tsy nitandrina izay nandidian' i Jehovah izy. **11** Ka dia hoy Jehovah tamin' i Solomona: Satria efa tonga ao am-ponao izao, ka tsy notandremanao ny fanekeko sy ny didiko izay nandidiako anao, dia hendahako ho afaka aminao tokoa ny fanjakana ka homeko ny mpanomponao. **12** Kanefa kosa tsy hataoko amin' ny andronao izany noho ny amin' i Davida rainao; fa rehefa mby amin' ny zanakao vao hendahako aminy. **13** Nefa tsy dia hendahako avokoa ny fanjakana rehetra, fa mba homeko firenena iray ihany ny zanakao noho ny amin' i Davida mpanompoko sy Jerosalema izay nofidiko. **14** Ary Jehovah nanangana fahavalo hanohitra an' i Solomona, dia Hadada Edomita, tamingan' ny mpanjakan' i Edoma. **15** Fa rehefa nanafika an' i Edoma Davida, ary Joaba, komandin' ny miaramila, niakatra handevina ny maty ary efa namono ny lehilahy rehetra tany **16** (fa enim-bolana no nitoeran' i Joaba sy ny Isiraely rehetra tany Edoma mandra-pandringany ny lehilahy rehetra tany), **17** dia nandositra Hadada sy ny Edomita, sasany mpanompon-drainy izay

nanaraka azy ka nankany Egypta; fa mbola zazalahy kely Hadada tamin' izay. **18** Ary niainga niala tany Midiana ireo ka tonga tany Parana; dia naka olona avy tany Parana homba azy izy ka nankany Egypta ho any amin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, izay nanome azy trano sy tany sady nilaza hanome hanina azy koa. **19** Ary Hadada nahita fitia fatratra teo imason' i Farao, ka dia ny rahavavin' i Tapanesa, vadin' ny mpanjaka, no nomeny ho vadiny. **20** Ary ny rahavavin' i Tapanesa niteraka zazalahy tamin' i Hadada, dia Genobata, izay notazan' i Tapanesa tao an-tranon' i Farao; ary Genobata niara-nitoetra tamin' ny zanakalahin' i Farao tao an-dapa. **21** Ary rehefa ren' i Hadada tany Egypta fa Davida lasa nody mandry any amin' ny razany, sady maty koa Joaba, komandin' ny miaramila, dia hoy izy tamin' i Farao: Alefaso aho hody any amin' ny tanin-drazako. **22** Fa hoy Farao taminy: Fa inona moa no zavatra mahory anao atỳ amiko, no dia mitady hody any amin' ny tanin-drazanao indray ianao? Ary hoy ny navaliny: Tsy misy mahory ahy tsy akory; nefa alefaso ihany aho. **23** Ary Andriamanitra nanangana fahavalo koa hanohitra an' i Solomona, dia Rezona, zanak' i Eliada, izay efa nandositra an' i Hadadezera tompony, mpanjakan' i Zoba. **24** Dia namory olona maro ho ao aminy izy ka tonga kapiteniny tamin' ny namonoan' i Davida ny olona tany Zoba; ary nankany Damaskosy izy sy ny namany ka nitoetra sy nanjaka tao. **25** Ary izy koa dia fahavalon' ny Isiraely tamin' ny andron' i Solomona rehetra ka nanampy ny ratsy izay nataon' i Hadada; eny, nankahala ny Isiraely izy ary nanjaka tany Syria. **26** Ary Jerobeama, zanak' i Nebata, Efraimita avy any Zareda, mpanompon' i Solomona (Zeroa no anaran-dreniny, vehivavy mpitondratena), dia nanainga tanàna hikomy tamin' ny mpanjaka. **27** Ary izao no fototry ny nanaingany tanàna hikomy tamin' ny mpanjaka: Solomona nanorina an' i Milo ary nanampina ny lohasaha tao an-Tanànan' i Davida rainy; **28** ary Jeroboama dia lehilahy mahay; koa nony hitan' i Solomona fa zatovo mahavita raharaha izy, dia nataony mpifehy ny taranak' i Josefa tamin' ny fanompoany rehetra. **29** Ary tamin' izany andro izany, raha nivoa: ka avy tany Jerosalema Jeroboama, dia nahita azy teny an-dalana Ahia Silonita mpaminany; ary Ahia nitafy lamba vaovao, ary izy roa lahy ihany no tany an-tsaha. **30** Dia noraisin' i Ahia ny lamba vaovao-izay notafiny, ka notriatriariny ho roa ambin' ny folo. **31** Ary hoy izy tamin' i Jeroboama: Raiso ho anao ny tapatapany folo; fa izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, Izaho efa hanendaka ny fanjakana ho afaka amin' ny tànan' i Solomona, ary homeko anao ny firenena folo **32** (nefa ny firenena iray dia i mbola havela ho azy ihany noho ny amin' i Davida mpamompoko sy Jerosalema, tanàna izay nofidiko tamin' ny firenen' Isiraely), **33** satria efa nahafoy Ahy izy ka niankohoka teo anatrehan' i Astarta, andriamani-bavin' ny Sidoniana, sy Kemosy andriamanitr' i Moaba, ary Milkoma, andriamanitry ny taranak' i Amona, fa tsy nandeha tamin' ny lalako hanao izay mahitsy eo imasoko sy hitandrina ny didiko sy ny fitsipiko tahaka an' i Davida rainy. **34** Nefa tsy hesoriko eo an-tanany avokoa ny fanjakana rehetra; fa hampitoeriko ho mpanjaka ihany izy amin' ny andro rehetra hiainany noho ny amin' i Davida mpanompoko izay nofidiko, satria izy nitandrina ny lalàko sy ny didiko; **35** fa hesoriko eo an-tànan' ny zanany kosa ny fanjakana ka homeko anao, nefa ny firenena folo ihany. **36** Fa firenena iray no homeko ny zanany, mba hisy fanilo ho an' i Davida mpanompoko eo anatrehako mandrakariva any Jerosalema, tanàna izay nofidiko ho Ahy hametrahana ny anarako. **37** Ary ianao no halaiko, ka hanjaka amin' izay rehetra irin' ny fanahinao ary ho mpanjaka amin' ny Isiraely. **38** Ary raha mihaino izay rehetra andidiako anao ianao ka mandeha amin' ny lalako ary manao izay mahitsy eo imasoko ka mitandrina ny didiko sy ny lalàko tahaka izay nataon' i Davida mpanompoko, dia ho aminao Aho ka hampaharitra ny taranakao, tahaka izay nataoko ho an' i Davida, ary homeko anao ny Isiraely. **39** Ary hampietry ny taranak' i Davida kosa Aho noho izany, nefa tsy ho mandrakizay. **40** Ary Solomona nitady hamono an' i Jeroboama. Fa Jeroboama niainga, dia nandositra nankany Egypta ho any amin' i Sisaka, mpanjakan' i Egypta, ka nitoetra tany mandra-pahafatin' i Solomona. **41** Ary ny tantaran' i Solomona sisa mbamin' izay rehetra nataony ary ny fahendreny, tsy voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' i Solomona va izany? **42** Ary ny andro nanjakan' i Solomona tamin' ny Isiraely rehetra tany Jerosalema dia efa-polo taona. **43** Ary Solomona lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao an-Tanànan' i Davida rainy izy; ary Rehoboama zanany no nanjaka nandimby azy.

12 Ary Rehoboama nankany Sekema, fa tany no efa nalehan' ny Isiraely rehetra hampanjaka azy. **2** Koa raha nandre izany Jeroboama, zanak' i Nebata (fa izy mbola tany Egypta, izay nalehany tamin' izy nandositra niala teo anatrehan' i Solomona mpanjaka; **3** ka dia naniraka naka azy ny olona), dia tonga izy sy ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, ka niteny tamin-dRehoboama hoe: **4** Rainao dia nampitondra zioga mavesatra anay, fa inty kosa mby aminao ka mba hamaivano ny fanompoana mafy tamin-drainao sy ny zioga mavesatra izay nataony taminay, dia hanompo anao izahay. **5** Fa hoy kosa izy taminy: Mandehana aloha, ka raha afaka hateloana, dia mankanesa atỳ amiko indray. Dia lasa ny olona. **6** Ary Rehoboama mpanjaka naka hevitra tamin' ny zoki-olona izay nitoetra teo anatrehan' i Solomona rainy fony fahavelony ka nanao hoe: Ahoana no hevitra omenareo havaly ny vahoaka? **7** Dia hoy ireo taminy: Raha mety ho mpanompon' ny vahoaka ianao izao ka hanompo azy sy hanao teny mora aminy, dia ho mpanomponao mandrakizay izy. **8** Nefa nolavin-dRehoboama ny hevitra nomen' ireo zoki-olona azy, dia naka hevitra tamin' ny tovolahy izay indray nihira taminy sady efa nitoetra teo anatrehany izy **9** ka nanao taminy hoe: Ahoana kosa no mba hevitra omenareo havalintsika ny vahoaka izay efa niteny tamiko hoe: Hamaivano ny zioga izay nataon-drainao taminay **10** Ary ireo tovolahy indray nihira taminy nanao taminy hoe: Izao no lazao amin' ny vahoaka izay niteny taminao hoe: Rainao nampitondra zioga mavesatra anay; fa inty kosa mby aminao ka mba hamaivano aminay izany, izao no lazao aminy: Ny ankihikeliko dia lehibe noho ny valahan' ny raiko; **11** koa raha nampitondra zioga mavesatra

anareo ny raiko, izaho kosa dia mainka hanampy ny zioga ho entinareo; kotopia no namaizan' ny raiko anareo, fa maingoka fikapohana kosa no hamaizako anareo. **12** Ary Jeroboama sy ny vahoaka rehetra nankany amin-dRehoboama tamin' ny andro fahatelo, araka ilay nolazain' ny mpanjaka hoe: Mankanesa atỳ amiko indray amin' ny andro fahatelo. **13** Ary ny mpanjaka nanao teny mafy tamin' ny olona, fa nandà ny saina nomen' ireo zoki-olona azy izy **14** ka niteny taminy araka ny hevitra nomen' ireo tovolahy hoe: Ny raiko dia nampitondra zioga mavesatra anareo, fa izaho kosa mainka hanampy ny zioga ho entinareo, kotopia no namazain' ny raiko anareo, fa maingoka fikapohana kosa no hamaizako anareo. **15** Koa dia tsy nihaino ny olona ny mpanjaka; fa avy tamin' i Jehovah izany zavatra izany hahatanteraka ny teniny izay nampilazainy an' i Ahia Silonita tamin' i Jeroboama, zanak' i Nebata. **16** Ary nony hitan' ny Isiraely rehetra fa tsy nihaino azy ny mpanjaka, dia namaly ny mpanjaka ny vahoaka ka nanao hoe: Inona moa no anjaranay amin' i Davida? Tsy manana lova amin' ny zanak' i Jese izahay; samia mody any an-dainy avy, ry Isiraely e; ankehitriny tandremo ny taranakao, ry Davida ô. Dia samy nody ho any an-dainy avy ny Isiraely. **17** Fa ny Zanak' Isiraely izay nonina tany an-tanànan' ny Joda ihany no nanjakan-dRehoboama. **18** Ary dia naniraka an' i Adorama, komandin' ny mpanao fanompoana, Rehoboama mpanjaka, nefa ny Isiraely rehetra nitora-bato azy, ka maty izy. Dia niezaka faingana nankeo amin' ny kalesiny Rehoboama mpanjaka handositra ho any Jerosalema. **19** Ka dia niodina tamin' ny taranak' i Davida ny Isiraely mandraka androany. **20** Ary rehefa ren' ny Isiraely rehetra fa efa tafaverina indray Jeroboama, dia naniraka naka azy ho ao amin' ny fivoriana izy ka nampanjaka azy tamin' ny Isiraely rehetra; dia tsy nisy nanaraka ny taranak' i Davida afa-tsy ny firenen' i Joda ihany. **21** Ary nony tonga tany Jerosalema Rehoboama, dia novoriny ny taranak' i Joda rehetra mbamin' ny firenen' i Benjamina, dia miaramila valo alina amby iray hetsy voafantina, hiady amin' ny taranak' Isiraely hampody ny fanjakana indray ho an-dRehoboama, zanak' i Solomona. **22** Kanjo tonga tamin' i Semaia, lehilahin' Andriamanitra, kosa ny tenin' Andriamanitra nanao hoe **23** Mitenena amin-dRehoboama, zanak' i Solomona, mpanjakan' ny Joda, sy amin' ny taranak' i Joda sy Benjamina rehetra ary amin' ny vahoaka sisa hoe: **24** Izao no lazain' i Jehovah: Aza mandeha hiady amin' ny Zanak' Isiraely rahalahinareo; fa samia mody any an-tranony avy ianareo, fa avy amiko izao zavatra izao. Dia nihaino ny tenin' i Jehovah ny olona, ka dia samy lasa nody araka ny tenin' i Jehovah. **25** Ary Jeroboama dia nanamboatra an' i Sekema any amin' ny tany havoan' i Efraima ka nonina tao; ary raha avy tao izy, dia nanamboatra an' i Pehoela koa. **26** Ary Jeroboama nanao anakampo hoe: Izao ny fanjakana dia hody amin' ny taranak' i Davida ihany; **27** fa raha miakatra hamono zavatra hatao fanatitra ao amin' ny tranon' i Jehovah any Jerosalema ny vahoaka, dia hody amin' ny tompony indray ny fony dia amin-dRehoboama, mpanjakan' ny Joda, ary dia hamono ahy izy ka hiverina any amin-dRehoboama, mpanjakan' ny Joda, indray. **28** Dia nihevitra ny mpanjaka ka nanao ombilahy kely volamena roa; ary hoy izy tamin' ny olona: "Aoka izay ny fiakaranareo any Jerosalema! Ry Isiraely ô" indreo ny andriamanitrao, izay nitondra anao nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta. **29** Ary ny anankiray dia napetrany tao Betela, fa ny anankiray kosa dia tao Dana. **30** Ary izany zavatra izany dia tonga fahotana; fa ny olona dia nandeha hivavaha teo anatrehan' ny anankiray amin' ireo hatrany Dana. **31** Ary nanao trano teny amin' ny fitoerana avo izy sady nanendry olona hafa ho mpisorona, izay tsy isan' ny taranak' i Levy. **32** Ary Jeroboama, nanendry andro firavoravoana tamin' ny andro fahadimy ambin' ny folo amin' ny volana fahavalo, tahaka ny andro firavoravoana tamin' ny Joda ihany, ka nanatitra fanatitra teo ambonin' ny alitara izy. Toy izany no nataony tao Betela, fa namono zavatra hatao fanatitra ho an' ireo ombilahy kely izay nataony izy; ary nampitoeriny tao Betela ireo mpisorona amin' ny fitoerana avo izay notendreny. **33** Ary nanatitra fanatitra teo ambonin' ny alitara izay nataony tao Betela izy tamin' ny andro fahadimy ambin' ny folo amin' ny volana fahavalo, volana izay notendreny araka ny sitrapony ihany; ary nanao andro firavoravoana ho an' ny Zanak' Isiraely izy sady nanatitra fanatitra teo ambonin' ny alitara sy nandoro ditin-kazo manitra.

13 Ary, indro, nisy lehilahin' Andriamanitra avy tany Joda tonga tany Betela noho ny tenin' i Jehovah, raha mbola nitsangana teo anilan' ny alitara handoro ditin-kazo manitra Jeroboama. **2** Ary ilay lehilahin' Andriamanitra niantso ny alitara araka ny tenin' i Jehovah ka nanao hoe: Ry alitara ô, ry alitara ô! izao no lazain' i Jehovah: Indro, hisy zaza hateraka ho an' ny taranak' i Davida, Josia no ho anarany; ary hovonoiny ka hateriny eo amboninao ny mpisorona amin' ny fitoerana avo izay mandoro ditin-kazo manitra eo amboninao, ary taolan' olona no hodorana eo amboninao. **3** Ary naneho fahagagana androtrizay izy nanao hoe: Izao no fahagagana izay nolazain' i Jehovah: Indro, hitresaka ny alitara, ka hikorotsaka ny lavenona izay eo amboniny. **4** Ary nony ren' i Jeroboama mpanjaka ny tenin' ny lehilahin' Andriamanitra izay niantso ny alitara tao Betela, dia naninjitra ny tànany niala tamin' ny alitara izy ka nanao hoe: Hazony ilehio. Dia maty iny tànany nahinjiny nanondro azy iny ka tsy azony noketrahina intsony. **5** Dia nitresaka koa ny alitara, ka nikorotsaka ny lavenona teo amboniny, araka ny fahagagana Izay nasehon' ilay lehilahin' Andriamanitra noho ny tenin' i Jehovah. **6** Ary ny mpanjaka namaly ilay lehilahin' Andriamanitra nanao hoe: Mba ifony amin' i Jehovah Andriamanitrao aho, ka mivavaha ho ahy, mba ho azoko ketrahina indray ny tanako. Ary ilay lehilahin' Andriamanitra dia nifona tamin' i Jehovah, ka dia azon' ny mpanjaka noketrahina indray ny tànany ka tonga tahaka ny teo. **7** Ary hoy ny mpanjaka tamin' ilay lehilahin' Andriamanitra: Andeha hiaraka amiko ho any an-trano ianao mba hanao ody am-bavafo kely, sady homeko zavatra ianao. **8** Fa hoy ilay lehilahin' Andriamanitra tamin' ny mpanjaka: Na dia homenao ahy aza ny antsasaky ny ao an-tranonao, tsy hiditra any an-tranonao, na hihinan-kanina, na hisotro rano atỳ aho; **9** fa izao no tenin' i Jehovah

nandrara ahy: Aza mihinan-kanina, na misotro rano, na miverina amin' izay lalana efa nalehanao. **10** Dia nandeha tamin' ny lalana hafa izy, fa tsy niverina tamin' ilay nalehany ho any Betela. **11** Fa nisy mpaminany antitra anankiray tao Betela; ary tonga ny zanany ka nilaza taminy izay rehetra nataon' ilay lehilahin' Andriamanitra androtr' iny tao Betela; ary nolazain' ireo tamin-drainy koa ny teny izay nolazain-dralehilahy tamin' ny mpanjaka. **12** Ary hoy rainy taminy: Aiza no lalana nalehany? Fa ny zanany efa nahita ny lalana nalehan' ilay lehilahin' Andriamanitra izay tonga avy tany Joda. **13** Ary hoy izy tamin' ny zanany: Asio lasely ny boriky hitaingenako. Dia nasiany lasely ny boriky hitaingenany, ka dia nitaingenany. **14** Ary dia nanaraka ilay lehilahin' Andriamanitra izy ka nahita azy nipetraka teo ambanin' ny hazo terebinta; ka hoy izy taminy: Hianao moa ilay lehilahin' Andriamanitra avy tany Joda? Ary hoy izy: Eny, izaho no izy. **15** Dia hoy izy taminy: Andeha hiaraka amiko ho any an-tranoko mba hihinan-kanina. **16** Fa hoy kosa izy: Tsy mahazo miverina hiaraka aminao aho na hiditra any an-tranonao, ary tsy hihinan-kanina na hisotro rano aminao atỳ aho, **17** satria tonga tamiko ny tenin' i Jehovah hoe: Aza mihinan-kanina, na misotro rano any, ary aza miverina amin' ny lalana efa nalehanao. **18** Fa hoy kosa izy taminy: Izaho koa mba mpaminany tahaka anao ihany; ary nisy anjely nilaza tamiko araka ny tenin' i Jehovah nanao hoe: Ento miverina hiaraka aminao ho any an-tranonao izy hihinan-kanina sy hisotro rano. Kanjo laingany izany. **19** Dia niverina niaraka taminy izy ka nihinan-kanina sy nisotro rano tao an-tranony. **20** Ary raha mbola nipetraka teo amin' ny latabatra izy roa lahy, dia tonga tamin' ilay mpaminany nitondra azy niverina ny tenin' i Jehovah; **21** ary izy niteny mafy tamin' ilay lehilahin' Andriamanitra avy tany Joda hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Satria nandà ny tenin' i Jehovah ianao ka tsy nitandrina ny didy izay nandidian' i Jehovah Andriamanitrao anao, **22** fa niverina nihinan-kanina sy nisotro rano tany amin' ny tany izay nandraran' i Jehovah anao hoe: Aza mihinan-kanina na misotro rano, dia tsy ho tonga any am-pasan-drazanao ny fatinao. **23** Ary rehefa avy nihinana sy nisotro izy, dia nasiany lasely ny boriky hitaingenan' ilay mpaminany naveriny. **24** Ary nony nandeha izy, dia nisy liona nifanena taminy teny an-dalana ka nahafaty azy; ary ny fatiny dia niampatra teo an-dalana, ary ny boriky nijanona teo anilany, ary ny liona koa nijanona teo anilan' ny faty. **25** Ary, indreo nisy olona nandalo ka nahita ny faty niampatra teo an-dalana sy ny liona nijanona teo anilan' ny faty, dia lasa nandeha ireo ka nilaza izany tany an-tanàna izay nitoeran' ilay mpaminany antitra. **26** Ary nony nandre izany ilay mpaminany izay namerina azy tany an-dalana, dia hoy izy: Ilay lehilahin' Andriamanitra nandà ny tenin' i Jehovah izay; fa natolotr' i Jehovah ny liona izy ka noviravirainy sy novonoiny araka ny tenin' i Jehovah, izay efa nolazainy taminy. **27** Ary izy niteny tamin' ny zananilahy hoe: Asio lasely ny boriky hitaingenako. Dia nasiany lasely izy. **28** Ary nony nandeha izy, dia nahita ny fatin-dralehilahy niampatra teo an-dalana, ary ny boriky sy ny liona samy nijanona teo anilan' ny faty; nefa ny liona tsy nihinana ny faty na namiravira ny boriky. **29** Ary nobetain' ilay mpaminany ny fatin' ilay lehilahin' Andriamanitra ka nasampiny tamin' ny boriky, dia nentiny niverina; ary tonga tao an-tanàna ilay mpaminany antitra mba hisaona sy handevina azy. **30** Ary ny fatin-dralehilahy naleviny tao am-pasany, dia nitomanian' ny olona hoe: Indrisy, ry rahalahiko! **31** Ary rehefa voaleviny ralehilahy, dia hoy izy tamin' ny zanany: Rehefa maty aho, dia mba aleveno ao amin' ny fasana izay ilevenan' ilay lehilahin' Andriamanitra, ka ataovy eo anilan' ny taolany ny taolako; **32** fa tsy maintsy ho tanteraka ilay teny nantsoiny noho ny tenin' i Jehovah nilaza ny loza ho tonga amin' ny alitara ao Betela sy amin' ny trano rehetra eny amin' ny fitoerana avo izay any an-tanànan' i Samaria. **33** Rehefa afaka izany, Jeroboama dia tsy mbola niala tamin' ny lalan-dratsiny ihany, fa mbola naka tamin' ny ankabiazam-bahoaka ho mpisorona amin' ny fitoerana avo; koa na iza na iza tia izany dia natokany, mba ho tonga mpisorona amin' ny fitoerana avo. **34** Ary dia tonga fahotan' ny taranak' i Jeroboama izany ka namongorana sy nandringanana azy tsy ho eo ambonin' ny tany.

14 Tamin' izany andro izany dia narary Abia, zanak' i Jeroboama. **2** Ary hoy Jeroboama tamin' ny vadiny: Masìna ianao, mitsangàna, ka miovà endrika, mba tsy ho fantatr' olona ho vadin' i Jeroboama ianao; dia mankanesa any Silo, fa, indro, ao Ahia mpaminany, ilay nilaza tamiko fa ho mpanjakan' ity firenena ity aho. **3** Koa mitondrà mofo folo sy mofo madinika ary tantely iray tavoara, ka mankanesa any aminy; fa izy hanambara aminao izay ho toetry ny zaza. **4** Dia nanao araka izany ny vadin' i Jeroboama ka niainga nankany Silo izy, dia nankao an-tranon' i Ahia. Ary Ahia tsy nahita, fa efa pahina ny masony noho ny fahantrany. **5** Ary Jehovah efa nilaza tamin' i Ahia hoe: Indro, avy ny vadin' i Jeroboama hanontany anao ny amin' ny zanany, fa marary izy; ary izao ka izao no holazainao aminy; nefa raha miditra izy, dia hody vehivavy hafa. **6** Ary nony ren' i Ahia ny fingodongodon' ny tongony, raha vao niditra teo am-baravarana izy, dia hoy izy: Mandrosoa, ry vadin' i Jeroboama; nahoana ianao no mody olonkafa? Fa izaho dia nirahina hitondra teny mafy aminao. **7** Koa mandehana, ka lazao amin' i Jeroboama hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Satria nanandratra anao avy tamin' ny olona Aho ka nanendry anao ho mpanapaka ny Isiraely oloko, **8** ary nendahako ny fanjakana ho afaka tamin' ny taranak' i Davida ka nomeko anao, nefa kosa ianao tsy mba nanao tahaka an' i Davida mpanompoko, izay nitandrina ny teniko sy nanaraka Ahy tamin' ny fony rehetra tsy hanao na inona na inona afa-tsy izay marina eo imasoko ihany; **9** fa nanao ratsy mihoatra noho izay rehetra teo alohanao ianao, fa lasa nanao andriamani-kafa sy sarin-javatra an-idina ka nampahatezitra Ahy, fa Izaho efa narianao teo ivohonao: **10** koa noho izany dia, indro, hahatonga loza amin' ny taranak' i Jeroboama Aho ka handringana izay lehilahy rehetra amin' ny tamingan' i Jeroboama, na ny voahazona na ny afaka amin' ny Isiraely, ary hanaisotra ny sisa amin' ny taranak' i Jeroboama Aho, toy ny fanaisotry ny olona ny diky ambara-paha-tsy hisy

intsony. **11** Koa izay tamingan' i Jeroboama maty ao an-tanàna dia hohanin' ny alika; ary izay maty any an-tsaha dia hohanin' ny voro-manidina; fa Jehovah no efa niteny. **12** Koa mitsangàna ianao, ka modia any an-tranonao; fa raha vao mijadona ao an-tanàna ny tongotrao, dia, indro, ho faty ny zaza. **13** Ary ny Isiraely rehetra hisaona sy handevina azy; fa amin' ny tamingan' i Jeroboama dia izy irery ihany no ho tonga ao am-pasana, satria izy ihany no nahitana fahatsaram-panahy ny amin' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **14** Ary Jehovah hanangana mpanjaka ho an' ny Isiraely izay handringana ny taranak' i Jeroboama amin' izany andro izany; fa rahoviana ange izany? Izao ankehitriny izao ihany. **15** Fa Jehovah hamely ny Isiraely toy ny volotara hozongozonina any anaty rano sady hanongotra ny Isiraely amin' ity tany soa nomeny ny razany ity ary hanely azy ho any an-dafin' ny Ony, satria nanao ireo Aseraha izy ka nampahatezitra an' i Jehovah. **16** Ary Izy hanolotra ny Isiraely noho ny fahotana izay nataon' i Jeroboama sady nampanotany ny Isiraely. **17** Dia niainga ny vadin' i Jeroboama ka lasa nandeha ary tonga tany Tirza; koa rehefa mby teo amin' ny tokonam-baravarana izy, dia maty ny zazalahy; **18** dia nandevina azy ny Isiraely rehetra sady nisaona azy, araka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Ahia mpaminany mpanompony. **19** Ary ny tantaran' i Jeroboama sisa, dia ny niadiany sy ny nanjakany, indro, efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely izany. **20** Ary ny andro nanjakan' i Jeroboama dia roa amby roa-polo taona; dia lasa nodi-mandry any amin' ny razany izy; ary Nadaba zanany no nanjaka nandimby azy. **21** Ary Rehoboama, zanak' i Solomona, no nanjaka tamin' ny Joda. Efa iraika amby efa-polo taona Rehoboama, fony izy vao nanjaka, ary fito ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema, tanàna nofidin' i Jehovah tamin' ny firenen' Isiraely rehetra hametrahany ny anarany. Ary ny anaran-dreniny dia Nama Amonita. **22** Ary ny Joda nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah ka nampahasaro-piaro Azy tamin' ny fahotana izay nataony mihoatra noho izay rehetra nataon' ny razany. **23** Fa izy koa nanao fitoerana avo ho azy sy tsangam-baton-tsampy ary Aseraha teny an-tampon' ny tendrombohitra avo rehetra sy teny ambanin' ny hazo maitso rehetra. **24** Ary nisy olona nanolo-tena nijangajanga ho fanompoan-tsampy teo amin' ny tany; ary nanaraka ny fahavetavetana rehetra fanaon' ny firenena izay noroahin' i Jehovah teo anoloan' ny Zanak' Isiraely izy. **25** Ary tamin' ny taona fahadimy nanjakan-dRehoboama mpanjaka dia niakatra Sisaka, mpanjakan' i Egypta, hamely an' i Jerosalema; **26** dia nobaboiny ny rakitry ny tranon' i Jehovah sy ny rakitry ny tranon' ny mpanjaka ka lasany avokoa; ary nobaboiny koa ny ampinga volamena rehetra nataon' i Solomona **27** Ary Rehoboama mpanjaka nanao ampinga varahina ho solon' ireny ka nanolotra azy teo an-tànan' ny lehiben' ny mpiambina, izay niambina ny varavaran' ny tranon' ny mpanjaka **28** Ary na oviana na oviana no nidiran' ny mpanjaka tao an-tranon' i Jehovah, dia nentin' ny mpiambina ireo ka naveriny tao an-trano fiambenana indray. **29** Ary ny tantaran-dRehoboama sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **30** Ary niady mandrakariva Rehoboama sy Jeroboama. **31** Ary Rehoboama lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny razany tao an-Tanànan' i Davida. Ary ny anaran-dreniny dia Nama Amonita. Ary Abia zanany no nanjaka nandimby azy.

15 Ary tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folo nanjakan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, no vao nanjakan' i Abia tamin' ny Joda. **2** Telo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Imaka, zanakavavin' i Absaloma. **3** Ary nandeha tamin' ny fahotana rehetra nataon-drainy izy, dia izay nataony teo alohany; ary ny fony tsy mba nahitsy tamin' i Jehovah Andriamaniny tahaka ny fon' i Davida rainy. **4** Nefa noho ny amin' i Davida dia nomen' i Jehovah Andriamaniny fanilo tany Jerosalema ihany izy, fa natsangany handimby azy ny zanany, sady nampaharitra an' i Jerosalema Izy, **5** satria Davida nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah ka tsy nivily niala tamin' izay nandidiany azy tamin' ny andro rehetra niainany, afa-tsy ilay tamin' i Oria Hetita ihany. **6** Ary niady Rehoboama sy Jeroboama tamin' ny andro rehetra niainany. **7** Ary ny tantaran' i Abia sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? Ary niady Abia sy Jeroboama **8** Ary Abia lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao an-Tanànan' i Davida izy; ary Asa zanany no nanjaka nandimby azy. **9** Ary tamin' ny taona faharoa-polo nanjakan' i Jeroboama, mpanjakan' ny Isiraely, no vao nanjakan' i Asa tamin' ny Joda. **10** Ary iraika amby efa-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Imaka, zanakavavin' i Absaloma. **11** Ary Asa nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah toy ny nataon' i Davida rainy. **12** Fa nesoriny tamin' ny tany ny olona izay nanolotena hijangajanga ho fanompoan-tsampy, sady nariany ny sampy rehetra izay nataon-drainy. **13** Ary na dia Imaka reniny aza dia naetriny tsy ho andriambavy, satria efa nanao sampy ho an' ny Aseraha; ary Asa nikapa ny sampiny ka nandoro azy tao an-dohasahan-driaka Kidrona. **14** Fa ny fitoerana avo tsy mba noravana; nefa nahitsy teo imason' i Jehovah ny fon' i Asa tamin' ny andro rehetra niainany. **15** Ary nampidiriny ho ao an-tranon' i Jehovah ny zavatra izay nohamasinin-drainy mbamin' izay nohamasinin' ny tenany, dia volafotsy sy volamena ary fanaka. **16** Ary niady Asa sy Basa, mpanjakan' ny Isiraely, tamin' ny andro rehetra niainany. **17** Ary Basa, mpanjakan' ny Isiraely, niakatra hamely ny Joda, dia nanamboatra an' i Rama mba tsy hisy hahazo hivoaka sy hiditra ho any amin' i Asa, mpanjakan' ny Joda. **18** Ary Asa naka ny volafotsy sy ny volamena rehetra izay sisa tamin' ny rakitry ny tranon' i Jehovah sy tamin' ny rakitry ny tranon ny mpanjaka, ka natolony teo an-tànan' ny mpanompony; ary Asa mpanjaka nampanatitra azy tany amin' i Beni-hadada, zanak' i Tabrimona, zanak' i Heziona, mpanjakan' i Syria, izay nonina tao Damaskosy, ka nanao hoe: **19** Aoka hisy fanekena amiko sy aminao toy ny tamin' ny raiko sy ny rainao; koa, indro, mampanatitra volafotsy sy volamena ho fanomezana ho anao aho; andeha, tsoahy ny fanekenao

tamin' i Basa, mpanjakan' ny Isiraely, mba hialany amiko. **20** Ary Beni-hadada nihaino an' i Asa mpanjaka ka naniraka komandin' ny miaramilany hamely ny tanànan' ny Isiraely, ary namely an' Iona sy Dana sy Abela-beti-maka ary Kinerota rehetra mbamin' ny tanin' ny Naftaly rehetra izy. **21** Ary rehefa ren' i Basa izany, dia nitsahatra tsy nanamboatra an' i Rama intsony izy sady nitoetra tao Tirza. **22** Ary Asa mpanjaka kosa nampandre ny Joda rehetra (tsy nisy tsy nampandrenesiny); ary dia nesorin' ny olona ny vato sy ny hazo tao Rama, izay naorin' i Basa; ary nentin' i Asa mpanjaka nanamboatra an' i Geban' i Benjamina sy Mizpa kosa izany. **23** Ary ny tantaran' i Asa sisa rehetra sy ny heriny rehetra mbamin' izay rehetra nataony ary ny tanàna izay nataony, tsy voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? Nefa kosa tamin' ny andro fahanterany dia narary tamin' ny tongony izy. **24** Ary lasa nodimandry any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny razany tao an-Tanànan' i Davida rainy izy; ary Josafata zanany no nanjaka nandimby azy. **25** Ary Nadaba, zanak' i Jeroboama, vao nanjaka tamin' ny Isiraely tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Asa, mpanjakan' ny Joda; ary nanjaka roa taona tamin' ny Isiraely izy. **26** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, fa nandeha tamin' ny lalan-drainy sy tamin' ny fahotany izay nampanotany ny Isiraely. **27** Ary Basa, zanak' i Ahia, amin' ny taranak' Isakara, nikomy taminy dia namely azy tao Gibetona, izay an' ny Filistina (fa Nadaba sy ny Isiraely rehetra nanao fahirano an' i Gibetona fahizay). **28** Ary Basa nahafaty azy tamin' ny taona fahatelo nanjakan' i Asa, mpanjakan' ny Joda, ka dia nanjaka nisolo azy. **29** Ary rehefa nanjaka izy, dia namely ny mpianakavin' i Jeroboama rehetra izy, ka tsy nasiany niangana ho an' i Jeroboama na dia olona iray akory aza, fa naringany avokoa ireo araka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Ahia Silonita mpanompony, **30** noho ny fahotana nataon' i Jeroboama sady nampanotany ny Isiraely tamin' izay nataony nampahatezitra an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **31** Ary ny tantaran' i Nadaba sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **32** Ary niady Asa sy Basa, mpanjakan' ny Isiraely, tamin' ny andro rehetra niainany. **33** Tamin' ny taona fahatelo nanjakan' i Asa, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Basa, zanak' i Ahia, tamin' ny Isiraely rehetra tao Tirza; ary mpanjaka efatra amby roa-polo taona izy. **34** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, fa nandeha tamin' ny lalan' i Jeroboama sy tamin' ny fahotany izay nampanotany ny Isiraely.

16 Ary tonga tamin' i Jeho, zanak' i Hanany, ny tenin' i Jehovah ny amin i Basa nanao hoe: **2** Satria nasandratro avy tamin' ny vovoka ianao ka notendreko ho mpanapaka ny Isiraely oloko; nefa kosa nandeha tamin' ny lalan' i Jeroboama ihany ianao ary nampanota ny Isiraely oloko ka nampahatezitra Ahy tamin' ny fahotany, **3** dia, indro, hofongorako Basa sy ny taranany, ary ny taranakao hataoko tahaka ny taranak' Jeroboama, zanak' i Nebata. **4** Koa izay tamingan' i Basa maty ao an-tanàna dia hohanin' ny alika; ary izay tamingany maty any an-tsaha dia hohanin' ny voro-manidina. **5** Ary ny tantaran' i Basa sisa mbamin' izay nataony ary ny heriny, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **6** Ary Basa lasa nodimandry any amin' ny razany, dia nalevina tao Tirza; ary Elaha zanany no nanjaka nandimby azy. **7** Ary Jeho mpaminany zanak' i Hanany, dia nampitondraina ny tenin' i Jehovah ny amin' i Basa sy ny taranany, satria nanao ratsy teo imason' i Jehovah ka nampahatezitra Azy tamin' ny asan' ny tanany, ka dia tonga tahaka ny mpianakavin' i Jeroboama, ary satria namono ireo izy. **8** Tamin' ny taona fahenina amby roa-polo nanjakan' i Asa, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Elaha, zanak' i Basa, tamin' ny Isiraely tao Tirza, ary nanjaka roa taona izy. **9** Ary Zimry mpanompony, komandin' ny antsasaky ny kalesiny, nikomy taminy, raha nisotro ho mamo tao Tirza, tao an-tranon' i Arza, lehiben' ny tao an-dapa tao Tirza, izy. **10** Dia niditra Zimry ka namely an' i Elaha ho faty tamin' ny taona fahafito amby roa-polo nanjakan' i Asa, mpanjakan' ny Joda, ary izy no nanjaka nisolo azy. **11** Ary nony vao nanjaka Zimry ka nipetraka tamin' ny seza fiandrianany, dia namono ny mpianakavin' i Basa rehetra izy; ka tsy navelany hisy miangana na dia lehilahy iray akory aza, na tamin' ny havany, na tamin' ny sakaizany. **12** Toy izany no nandringanan' i Zimry ny mpianakavin' i Basa rehetra, araka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Jehovah mpaminany ny amin' i Basa, **13** noho ny fahotany rehetra sy ny fahotan' i Elaha zanany koa, izay nataony sady nampanotany ny Isiraely ka nampahatezitra an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, tamin' ny zava-poanany. **14** Ary ny tantaran' i Elaha sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **15** Tamin' ny taona fahafito amby roa-polo nanjakan' i Asa, mpanjakan' ny Joda, no nanjakan' i Zimry hafitoana tao Tirza. Ary ny olona nanao fahirano an' i Gibetona, izay an' ny Filistina. **16** Ary ny olona izay nitoby teo dia nandre hoe: Efa nikomy Zimry sady efa namono ny mpanjaka koa; ary ny Isiraely rehetra tany an-tobiny nampanjaka an' i Omry, komandin' ny miaramila, androtrizay ihany ho mpanjakan' ny Isiraely. **17** Dia niakatra avy tao Gibetona Omry sy ny Isiraely rehetra niaraka taminy, ka dia nanao fahirano an' i Tirza. **18** Ary nony hitan' i Zimry fa afaka ny tanana, dia lasa niditra tao amin' ny trano avo amin' ny lapa izy, ary nodorany tamin' ny afo ny lapa, ka may tao izy, dia maty **19** noho ny fahotana izay nataony tamin' ny nanaovany izay ratsy eo imason' i Jehovah, tamin' ny nandehanany tamin' ny lalan' i Jeroboama sy tamin' ny fahotana izay nataony sady nampanotany ny Isiraely. **20** Ary ny tantaran' i Zimry sisa mbamin' ny fikomiany, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **21** Ary tamin' izany dia nizara roa ny lehilahy amin' ny Isiraely: ny antsasany nomba an i Tibny, zanak' i Ginata, hampanjaka azy; ary ny antsasany kosa nomba an' i Omry. **22** Fa ny olona izay nomba an' i Omry naharesy ny olona izay nomba an' i Tibny, zanak' i Ginata; ka dia maty Tibny, ary Omry no nanjaka. **23** Tamin' ny taona fahiraika amby telo-polo

nanjakan' i Asa, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Omry; ary nanjaka roa ambin' ny folo taona tamin' ny Isiraely izy; tao Tirza no nanjakany enin-taona. **24** Ary novidiny talenta volafotsy roa tamin' i Samera ny havoan' i Samaria, dia nanao tanàna teo an-tampon' ny havoana izy, ary nataony hoe Samaria, araka ny anaran' i Samera, tompon' ny havoana, ny anaran' ny tanàna. **25** Fa Omry nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah; eny, nanao ratsy mihoatra noho izay rehetra teo alohany izy; **26** fa nandeha tamin' ny lalana rehetra nalehan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, sy tamin' ny fahotana izay nampanotany ny Isiraely izy ka nampahatezitra an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, tamin' ny zava-poanany. **27** Ary ny tantaran' i Omry sisa mbamin' izay nataony sy ny heriny izay nasehony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **28** Ary Omry lasa nodimandry any amin' ny razany, dia nalevina tao Samaria izy; ary Ahaba zanany no nanjaka nandimby azy. **29** Ary Ahaba, zanak' i Omry, vao nanjaka tamin' ny Isiraely tamin' ny taona fahavalo amby telo-polo nanjakan' i Asa, mpanjakan' ny Joda, ary nanjaka tamin' ny Isiraely tao Samaria roa amby roa-polo Taona izy. **30** Ary Ahaba, zanak' i Omry, nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah mihoatra noho izay rehetra teo alohany. **31** Fa nataony ho zavatra kely foana ny handeha amin' ny fahotan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, ka dia nampakatra an' i Jezebela, zanakavavin' i Etibala, mpanjakan' ny Sidoniana, izy ho vadiny, dia nandeha nanompo an' i Bala ka niankohoka teo anatrehany. **32** Ary nanao alitara ho an' i Bala tao amin' ny tranon' i Bala izay nataony tao Samaria izy. **33** Ary Ahaba nanao ny Aseraha ka nampahatezitra an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, mihoatra noho ny mpanjakan' ny Isiraely rehetra izay teo alohany. **34** Tamin' ny andron' i Ahaba no nanorenan' i Hiela Betelita an' i Jeriko; ny ain' i Abìrama lahimatoany no sazin' ny nanorenany ny fanambaniny, ary ny ain' i Segoba faralahiny no sazin' ny nananganany ny vavahadiny, araka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Josoa, zanak' i Nona.

17 Ary Elia Tisbita, isan' ny nivahiny tany Gileada, nilaza tamin' i Ahaba hoe: Raha velona koa Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, Izay itsanganako eo anatrehany, dia tsy hisy ando na ranonorana akory amin' izao taona izao, raha tsy araka ny teniko ihany. **2** Ary ny tenin' i Jehovah tonga taminy nanao hoe: **3** Mialà eto ianao, dia miantsinanàna ka miere any anilan' ny renirano Kerita, izay any atsinanan' i Jordana. **4** Koa ny renirano no hisotroanao, ary ny goaika efa nodidiako hamelona anao any. **5** Dia lasa izy ka nanao araka ny tenin' i Jehovah; fa nandeha izy ka nititra teo anilan' ny renirano Kerita any atsinanan' i Jordana. **6** Ary ny goaika nitondra mofo sy hena ho azy isa-maraina ary mofo sy hena isan-kariva, ary ny rano tamin' ny renirano no nisotroany. **7** Ary nony ela, dia ritra ny renirano noho ny tsi-fisian' ny ranonorana tamin' ny tany. **8** Ary ny tenin' i Jehovah tonga taminy ka nanao hoe: **9** Miaingà ka mankanesa any Zarefata, izay naman' i Sidona, ary mitoera any; fa, indro, misy vehivavy mpitondratena any izay notendreko hamelona anao. **10** Dia niainga izy ka nankany Zarefata. Ary nony mby teo am-bavahadin' ny tanàna izy, dia, indro, nisy vehivavy mpitondratena nanangona kitay hazo teo; ary niantso azy Elia ka nanao hoe: Masìna hianao, itondray rano kely amin' ny fisotroana aho mba hosotroiko. **11** Ary nony lasa naka ravehivavy, dia miantso azy Elia ka nanao hoe: Masìna ianao, itondray mofo kely koa eny an-tananao aho. **12** Fa hoy ravehivavy: Raha velona koa Jehovah Andriamanitrao, tsy manana mofo na dia iray akory aza aho, fa koba kely eran-tànan' ila ao amin' ny barika sy diloilo kely foana ao amin' ny tavoara; ary, he! maka tapa-kazo roa aho izao, ka hiditra hanamboatra ireo hohaninay mianaka, dia ho faty izahay. **13** Fa hoy Elia taminy: Aza matahotra, fa andeha miditra, ka manaova araka izany lazainao izany; nefa anaovy mofo kely ihany aho aloha, ka ento etỳ amiko, ary rehefa izany, dia vao manaova ho anao sy ny zanakao koa. **14** Fa izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Tsy ho lany ny koba ao amin' ny barika, ary tsy ho ritra ny diloilo ao amin' ny tavoara mandra-pihavin' ny andro handatsahan' i Jehovah ranonorana amin' ny tany. **15** Dia nandeha ravehivavy ka nanao araka ny tenin' i Elia, ary izy sy ravehivavy mbamin' ny ankohonany dia nanan-kohanina elaela ihany. **16** Nefa tsy lany ny koba tao amin' ny barika, ary tsy ritra ny diloilo tao amin' ny tavoara, araka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Elia. **17** Ary nony afaka izany, dia narary ny zana-dravehivavy tompon-trano, ary mafy indrindra ny aretiny, ka efa tsy nisy fofonaina intsony izy. **18** Dia hoy ravehivavy tamin' i Elia: Moa mifaninona akory izaho sy ianao, ry lehilahin' Andriamanitra ô? Tonga atỳ amiko va ianao hampahatsiaro ny fahotako ka hahafaty ny zanako? **19** Ary hoy Elia taminy: Atolory ahy ny zanakao. Dia naka ny zaza teo an-tratran-dreniny izy ka nitondra azy niakatra ho any an-efi-trano ambony izay nitoerany, ary nampandry azy teo am-pandriany. **20** Dia nitaraina tamin' i Jehovah izy ka nanao hoe: Jehovah Andriamanitro ô, efa nahatonga loza koa tamin' ny mpitondratena izay nivahiniako va Hianao ka nahafaty ny zanany? **21** Dia niampatra intelo tamin' ny zaza izy sady nitaraina tamin' i Jehovah hoe: Jehovah Andriamanitro ô, mifona aminao aho, aoka hody aminy indray ny ain' ity zaza ity. **22** Ary Jehovah nihaino ny feon' i Elia, dia nody taminy indray ny ain' ny zaza, ka dia velona izy. **23** Ary Elia nandray ny zaza ka nitondra azy nidina avy tao an-efi-trano ambony ho ao anaty trano, dia natolony an-dreniny, ka hoy izy: Inty, fa velona ny zanakao. **24** Ary hoy ravehivavy tamin' i Elia: Ankehitriny izao dia fantatro fa lehilahin' Andriamanitra tokoa ianao, ary marina ny tenin' i Jehovah aloaky ny vavanao.

18 Ary nony afaka andro maro, dia tonga tamin' i Elia ny tenin' i Jehovah tamin' ny taona fahatelo nanao hoe: Mandehana hiseho amin' i Ahaba, fa handatsaka ranonorana amin' ny tany Aho. **2** Dia niainga Elia hiseho amin' i Ahaba. Ary mafy ny mosary tany Samaria. **3** Ary Ahaba niantso an' i Obadia, izay lehiben' ny tao an-dapany (Obadia dia natahotra an' i Jehovah tokoa, **4** ka nony

naringan' i Jezebela ny mpaminanin' i Jehovah, dia nalain' i Obadia ny mpaminany zato ka nafeniny, dimam-polo avy no nataony tao an-johy iray, ary novelominy mofo sy rano ireo). **5** Ary hoy Ahaba tamin' i Obadia: Andeha mitety ny tany, dia hatrany amin' ny loharano rehetra sy hatrany amin' ny lohasahan-driaka rehetra; fa angamba hahita ahitra hamelomana ny soavaly sy ny ampondra isika, mba tsy hisy hovonointsika ny biby fiompintsika. **6** Dia nizara lalana izy, ka Ahaba nandeha tamin' ny lalana iray, ary Obadia kosa nandeha tamin' ny lalana iray. **7** Ary raha tany an-dalana Obadia indro, Elia nifanena taminy; ary nahalala azy izy, dia niankohoka ka nanao hoe: Hay! ianao va ity, ry Elia tompoko? **8** Ary izy namaly azy hoe: Eny, izaho ity, andeha, lazao amin' ny tomponao hoe: Injao, atsy Elia. **9** Fa hoy Obadia: Inona no heloko, no anoloranao ny mpanomponao ho eo an-tànan' i Ahaba hamonoany ahy? **10** Raha velona koa Jehovah Andriamanitrao, dia tsy misy firenena na fanjakana izay tsy nanirahan' ny tompoko hitady anao; ary raha hoy ny olona: Tsy ato izy, dia nampianianiny izany firenena sy fanjakana izany raha tsy nahita anao izy. **11** Ary ankehitriny hoy ianao: Andeha, lazao amin' ny tomponao hoe: Injao, atsy Elia. **12** Nefa raha vao miala aminao aho, dia ho entin' ny Fanahin' i Jehovah any amin' izay tsy fantatro ianao; koa raha tonga aho ka milaza amin' i Ahaba, nefa tsy ho hitany ianao tsinona, dia hovonoiny aho; kanefa izaho mpanomponao matahotra an' i Jehovah hatry ny fony mbola kely. **13** Moa tsy nolazaina taminao va, tompoko, izay nataoko tamin' ilay namonoan' i Jezebela ny mpaminanin' i Jehovah, dia ny nanafenako ny mpaminanin' i Jehovah zato lahy, ka dimam-polo avy no nataoko tao an-johy iray, ary novelomiko mofo sy rano ireo? **14** Nefa ankehitriny hoy ianao: Andeha, lazao amin' ny tomponao hoe: Injao, atsy Elia; dia hamono ahy Ahaba. **15** Fa hoy Elia: Raha velona koa Jehovah, Tompon' ny maro, Izay itsanganako eo anatrehany, dia hiseho aminy tokoa aho anio. **16** Dia lasa Obadia nitsena an' i Ahaba ka nilaza taminy; ary Ahaba nandeha hitsena an' i Elia. **17** Ary nony hitan' i Ahaba Elia, dia hoy izy taminy: Hay! tonga etỳ ianao, ry ilay mampidi-doza amin' ny Isiraely! **18** Fa Elia namaly hoe: Tsy izaho no nampidi-doza tamin' ny Isiraely, fa ianao sy ny mpianakavin' ny rainao ihany tamin' ny nandavanareo ny didin' i Jehovah sy ny nanarahanao ireo Bala. **19** Ary ankehitriny maniraha hamory ny Isiraely rehetra hihaona amiko any an-tendrombohitra Karmela, ary ny mpaminanin' i Bala dimam-polo amby efa-jato sy ny mpaminanin' ny Aseraha efa-jato, izay mihinana eo amin' ny latabatr' i Jezebela. **20** Dia naniraka tany amin' ny Zanak' Isiraely rehetra Ahaba ka namory ny mpaminany ho any an-tendrombohitra Karmela. **21** Ary dia nankeo amin' ny olona rehetra Elia ka nanao hoe: Mandra-pahoviana no hiroa saina ianareo? Raha Jehovah no Andriamanitra, manaraha Azy; fa raha Bala kosa, dia manaraha azy. Fa ny olona tsy namaly azy akory. **22** Dia hoy Elia tamin' ny olona: Izaho dia izaho irery ihany no sisa amin' ny mpaminanin' i Jehovah; fa ny mpaminanin' i Bala kosa dia dimam-polo amby efa-jato lahy. **23** Koa aoka ireo no hanome vantotr' ombilahy roa ho antsika; ary aoka izy no hifidy ny iray ho azy, dia handrasa azy ka hametraka azy eo ambonin' ny kitay hazo, nefa tsy hasiana afo ao; ary izaho kosa hamboatra ny iray ka hametraka azy eo ambonin' ny kitay hazo, nefa tsy hasiana afo koa ao. **24** Ary miantsoa ny anaran' ny andriamanitrareo ianareo, ary izaho kosa hiantso ny anaran' i Jehovah; koa Izay Andriamanitra mamaly amin' ny afo, dia aoka Izy no ho Andriamanitra. Ary ny olona rehetra namaly hoe: Marina izany teny izany. **25** Ary hoy Elia tamin' ireo mpaminanin' i Bala: Mifidiana vantotr' ombilahy iray ho anareo, ka dia manamboara aloha ianareo, satria ianareo no maro; ary miantsoa ny anaran' ny andriamanitrareo, nefa aza asiana afo ao. **26** Dia naka ny vantotr' ombilahy izay nomeny azy ireo ka namboatra azy, dia niantso ny anaran' i Bala hatramin' ny maraina ka mandra-pitataovovonan' ny andro izy nanao hoe: Ry Bala ô, henoy izahay! Kanjo tsy nisy nanoina na namaly akory. Ary nihinjakinjaka tamin' ny alitara izay nataony izy. **27** Ary nony nitataovovonana ny andro, dia nanesoeso azy Elia ka nanao hoe: Miantsoa mafy ihany, fa andriamanitra izy; angamba sondrian-dresaka izy, na miavela, na nisy nalehany, na matory angaha izy ka tsy maintsy hofohazina. **28** Dia niantso mafy indray ireo sady nitetika ny tenany araka ny fanaony amin' ny sabatra sy ny lefona mandra-pahaloa-drà tamin' ny tenany. **29** Ary na dia efa nitsidika aza ny andro, dia mbola naminany ihany izy hatramin' ny fotoan' ny fanatitra hariva; nefa tsy nisy nanoina, na namaly, na nihaino azy akory. **30** Ary hoy Elia tamin' ny olona rehetra: Manatona ahy. Dia nanatona azy ny olona rehetra. Ary Elia namboatra ny alitaran' i Jehovah izay efa rava **31** ka naka vato roa ambin' ny folo, araka ny isan' ny firenen' ny zanak' i Jakoba, izay nihavian' ilay tenin' i Jehovah hoe: Isiraely no ho anaranao; **32** ary izany vato izany dia nataony alitara ho an' ny anaran' i Jehovah; ary nanao hady kely manodidina ny alitara koa izy, izay mifafy voan-javatra indroan' ny famarana. **33** Ary nandahatra ny kitay hazo izy, dia nandrasa ny vantotr' ombilahy ka nametraka azy teo ambonin' ny kitay hazo, **34** dia nanao hoe: Fenoy rano ny siny efatra, ka aidino amin' ny fanatitra dorana sy amin' ny kitay hazo. Dia hoy koa izy: Ataovy indray izany. Dia nataony indray. Ary hoy koa izy: Ataovy indray koa izany. Ary dia nataony indray koa. **35** Ary ny rano nikorotsaka nanodidina ny alitara; ka nofenoiny rano koa ny hady kely. **36** Ary nony tamin' ny fotoan' ny fanatitra hariva dia nanatona Elia mpaminany ka nanao hoe: Jehovah ô. Andriamanitr' i Abrahama sy Isaka ary Isiraely, aoka ho fantatra anio fa Hianao no Andriamanitra amin' ny Isiraely, ary izaho no mpanomponao, ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra izao. **37** Mihainoa ahy mihainoa ahy, Jehovah ô, mba hahafantaran' ireto olona ireto fa Hianao Jehovah no Andriamanitra, ary Hianao no mampiverina ny fony indray. **38** Dia latsaka ny afon' i Jehovah ka nandevona ny fanatitra dorana sy ny kitay hazo sy ny vato ary ny vovoka sady nandritra ny rano tao amin' ny hady kely. **39** Ary raha nahita izany ny olona rehetra, dia niankohoka ka nanao hoe: Jehovah, Izy no Andriamanitra; Jehovah, Izy no Andriamanitra. **40** Ary hoy Elia taminy: Sambory ny mpaminanin' i Bala; aza avela hisy

afa-mandositra izy na dia iray akory aza. Dia nosamborin' ny olona izy; ary nentin' i Elia ho eo amin' ny ony Kisona, ka dia novonoiny teo. **41** Ary hoy Elia tamin' i Ahaba: Miakara hihinana sy hisotro, fa misasasasa izato ny ranonorana be. **42** Dia niakatra hihinana sy hisotro Ahaba. Fa Elia kosa niakatra ho eo an-tampon' i Karmela, dia niankohoka tamin' ny tany, ary ny lohany nataony teo anelanelan' ny lohaliny **43** Ary hoy izy tamin' ny zatovony: Miakara kely, ka tazano ny ranomasina. Dia niakatra izy ka nitazana, dia nanao hoe: Tsy misy na inona na inona. Ary hoy izy: Mandehana koa impito. **44** Ary nony fanimpitony, dia hoy izy: Misy rahona kely hoatra ny tànan' olona miakatra avy eny amin' ny ranomasina. Dia hoy izy: Miakara, ka lazao amin' i Ahaba hoe: Amboary ny kalesinao, ka midìna, fandrao voasakan' ny ranonorana ianao. **45** Ary vetivety dia maintin' ny rahona sy ny rivotra ny lanitra, ka nisy ranonorana be. Ary Ahaba niakatra tamin' ny kalesy ka nankany Jezirela. **46** Ary ny tànan' i Jehovah dia tao amin' i Elia, dia nisikina izy ka nihazakazaka teo alohan i Ahaba mandra-pahatongany tany Jezirela.

19 Dia nolazain' i Ahaba tamin' i Jezebela izay rehetra nataon' i Elia, dia ny namonoany ny mpaminany rehetra tamin' ny sabatra. **2** Ary Jezebela naniraka olona tany amin' i Elia hanao hoe: Hataon' ireo andriamanitra amiko anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha tsy hataoko toy ny ain' ny anankiray amin' ireny ny ainao raha maraina toy izao. **3** Ary raha nahita izany izy, dia niainga ka lasa nandeha hamonjy ny ainy dia nankany Berisheba, izay any Joda, ary ny zatovo najanony tao. **4** Fa izy kosa nandeha lalana indray andro tany an-efitra, ary tonga ka nipetraka teo ambanin' ny anjavidy anankiray; dia nangataka ho faty izy ka nanao hoe: Aoka izay! alao ny aiko ankehitriny, Jehovah ô, fa tsy tsara noho ny razako aho. **5** Ary raha nandry natory teo ambanin' ny anjavidy anankiray izy, indro, nisy anjely nanohina azy ka nanao taminy hoe. Miarena, ka homàna. **6** Dia nijery izy, ka, indro, teo anilan' ny lohany nisy mofo voaendy tamin' ny vato mahamay sy rano iray tavoara; ary nihinana sy nisotro izy, dia nandry indray. **7** Ary avy fanindroany indray Ilay Anjelin' i Jehovah, dia nanohina azy ka nanao hoe: Mitohaza, ka homàna, fa lavitra loatra ny halehanao. **8** Dia nifoha izy ka nihinana sy nisotro; ary nandeha tamin' ny tanjaka azony tamin' izany hanina izany efa-polo andro efa-polo alina izy ho any Horeba, tendrombohitr' Andriamanitra. **9** Ary niditra tao anatin' ny zohy izy ka nitoetra tao. Ary, indro, tonga taminy ny tenin' i Jehovah nanao hoe: Manao inona atỳ ianao, ry Elia? **10** Dia hoy izy: Nafana dia nafana ny foko noho ny fitiavako an' i Jehovah, Andriamanitry ny maro; fa ny Zanak' Isiraely nahafoy ny fanekenao; ny alitaranao noravany, ny mpaminaninao novonoiny tamin' ny sabatra, ary izaho dia izaho irery ihany no sisa, nefa mbola mitady hahafaty ny aiko koa izy. **11** Ary hoy Jehovah: Mivoaha, ka mitsangana eo ambonin' ny tendrombohitra eo anatrehan' i Jehovah. Ary, indro, nandalo Jehovah, ka nisy rivotra be sady mahery namakivaky ny tendrombohitra sy nanorotoro ny harambato teo alohan' i Jehovah; nefa Jehovah tsy tao amin' ny rivotra; ary manarakaraka ny rivotra nisy horohoron-tany; nefa Jehovah tsy tao amin' ny horohoron-tany; **12** ary manarakaraka ny horohorontany nisy afo; nefa Jehovah tsy tao amin' ny afo; ary manarakaraka ny afo nisy feo nitsoka malemy. **13** Ary raha ren' i Elia izany, dia nosaronany ny kapôtiny ny tavany, ary nivoaka izy ka nijanona teo am-bava-zohy. Ary, indro, nisy feo nankao aminy nanao hoe: Manao inona atỳ ianao ry Elia? **14** Dia hoy izy: Nafana dia nafana ny foko noho ny fitiavako an' i Jehovah, Andriamanitry ny maro; fa ny Zanak' Isiraely efa nahafoy ny fanekenao; ny alitaranao noravany, ary ny mpaminaninao novonoiny tamin' ny sabatra, ary izaho dia izaho irery ihany no sisa, nefa mbola mitady hahafaty ny aiko koa izy. **15** Fa hoy Jehovah taminy: Mandehana, miverena amin' ny nalehanao ho any amin' ny efitr' i Damaskosy; ary raha mby any ianao, dia hosory Hazaela ho mpanjakan' i Syria; **16** Ary Jeho, zanak' i Nimsy, dia hosory ho mpanjakan' ny Isiraely; ary Elisa, zanak' i Safata, avy any Abela-mehola, dia hosory ho mpaminany handimby anao. **17** Ary izay afa-mandositra ny sabatr' i Hazaela dia hovonoin' i Jeho; ary izay afa-mandositra ny sabatr' i Jeho kosa dia hovonoin' i Elisa. **18** Nefa hamela fito arivo ao amin' ny Isiraely Aho, dia ny lohalika rehetra izay tsy nandohalika tamin' i Bala sy ny vava rehetra izay tsy nanoroka azy. **19** Ary niala teo Elia ka nahita an' i Elisa, zanak' i Safata, izay nampiasa omby efatra amby roa-polo mikambana tsiroaroa avy, fa izy teo amin' ny roa farany indrindra; ary Elia nandroso nanatona azy, dia nanipy ny kapôtiny hanarona azy. **20** Dia nandao ny omby izy ka nihazakazaka nanaraka an' i Elia ary niteny hoe: Masìna ianao, avelao aho aloha hanoroka an' ikaky sy ineny vao manaraka anao. Ary hoy izy taminy: Mandehana miverina, fa naninona anao moa aho? **21** Dia niverina niala taminy indray izy ka naka ny omby roa mikambana, dia namono azy, ary nandrahoiny tamin' ny hazo fiasàn' ny omby ny henany ka nomeny ny olona, dia nihinana ireo; ary niainga izy ka nanaraka an' i Elia, dia nanompo azy.

20 Ary Beni-hadada, mpanjakan' i Syria, namory ny miaramilany rehetra, koa mpanjaka roa amby telo-polo mbamin' ny soavaly sy ny kalesy no niaraka taminy; dia niakatra izy ka nanao fahirano an' i Samada ary namely azy. **2** Ary nandefa iraka ho any amin' i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely, tany an-tanàna izy **3** hanao aminy hoe: Izao no lazain' i Beni-hadada: Ny volafotsinao sy ny volamenanao dia ahy; ary ny vadinao aman-janakao, na dia ny tsara tarehy indrindra aza, dia ahy koa. **4** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely namaly hoe: Eny marina ny teninao ry mpanjaka tompoko ô: anao aho sy izay rehetra ananako. **5** Dia niverina indray ny iraka ka nanao hoe: Izao no tenin' i Beni-hadada: Naniraka tatỳ aminao aho nanao hoe: Ny volafotsinao sy ny volamenanao ary ny vadinao aman-janakao dia omeo ahy; **6** koa raha maniraka ny mpanompoko ho atỳ aminao aho rahampitso toy izao, ka savany ny tranonao sy ny tranon' ny mpanomponao, dia horaisin' ny tànany sy ho entiny avokoa izay rehetra mahafinaritra ny masonao na inona na inona. **7** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely nampaka ny loholona rehetra amin'

ny tany ka nanao hoe: Masìna ianareo, fantaro sy izahao fa mila sotasota mihitsy ilehiny; fa efa naniraka tatỳ amiko izy haka ny vadiko aman-janako mbamin' ny volafotsiko sy ny volamenako ka tsy nolaviko. **8** Ary hoy ny loholona sy ny vahoaka rehetra taminy: Aza mihaino na manaiky. **9** Ka dia hoy Ahaba tamin' ny irak' i Beni-hadada. Lazao amin' ny mpanjaka tompoko hoe: Izay rehetra nanirahanao tany amiko mpanomponao tamin' ny voalohany dia hataoko; fa izao zavatra izao kosa tsy azoko ekena. Dia lasa ireo iraka ka nitondra teny niverina tany amin' i Beni-hadada indray; **10** ary izy naniraka tany aminy ka nanao hoe: Hataon' ireo andriamanitra amiko anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha ho ampy eran-tànan-ila akory ny vovok' i Samaria amin' ny isan-olona manaraka ahy. **11** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely namaly hoe: Izao no holazainao aminy: Aoka izay vao misikìna tsy mba hirehareha tahaka ny efa mamaha. **12** Ary rehefa ren' i Beni-hadada izany teny izany, raha mbola nisotro tao an-trano rantsan-kazo izy sy ireo mpanjaka, dia hoy izy tamin' ny mpanompony: Milahara ianareo. Ary dia nilahatra hamely ny tanàna izy. **13** Ary, indro, nisy mpaminany nanatona an' i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely, ka nanao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Hitanao va ireo olona maro be rehetra ireo? Indro, hatolotro eo an-tananao ireo anio; dia ho fantatrao fa Izaho no Jehovah. **14** Ary hoy Ahaba: Amin' iza? Ary hoy izy: Izao no lazain' i Jehovah: Amin' ny zatovon' ny komandin' ny fanapahana isan-tokony. Dia hoy izy: Iza ary no hamely aloha? Hianao ihany, hoy izy. **15** Ary nandamina ny zatovon' ny komandin' ny fanapahana isan-tokony izy, ka roa amby telo-polo amby roan-jato no isany; ary manarakaraka izany, dia nandamina ny olona rehetra izy, dia ny Zanak' Isiraely rehetra, ka fito arivo no isany. **16** Ary nivoaka izy nony nitataovovonana ny andro. Fa Beni-hadada nisotro ho mamo tao an-trano rantsan-kazo, dia izy sy ireo mpanjaka roa amby telo-polo izay nanampy azy. **17** Ary ny zatovon' ny komandin' ny fanapahana isan-tokony nivoaka voalohany; ary Beni-hadada naniraka, ka dia nilazana hoe: Misy olona efa nivoaka avy any Samaria. **18** Ary hoy izy: Ataovy sambo-belona izy, na ho avy hihavana, na ho avy hiady. **19** Dia nivoaka avy tao an-tanàna ireo zatovon' ny komandin' ny fanapahana isan-totony ireo sy ny miaramila izay nanaraka azy. **20** Ary samy nahafaty olona iray avy izy rehetra; dia vaky nandositra ny Syriana, ka nenjehin' ny Isiraely; ary Beni-hadada, mpanjakan' i Syria, nandositra an-tsoavaly mbamin' ny mpitaingin-tsoavaly sasany koa. **21** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely nivoaka, dia namely: ny an-tsoavaly sy ny an-kalesy, ka nahafatesany be dia be ny Syriana. **22** Ary ilay mpaminany nankany amin' ny i mpanjakan' ny Isiraely ka nanao taminy hoe: Mahereza tsara, ary fantaro sy izahao izay ataonao; fa raha miherina ny taona, dia hiakatra indray ny mpanjakan' i Syria hiady aminao. **23** Ary hoy ny mpanompon' ny mpanjakan' i Syria taminy: Andriamanitry ny havoana ny Andriamanitr' izy ireo, koa izany no nahareseny antsika; fa aoka ange isika hiady aminy eny an-tany lemaka, raha tsy ho resintsika izy e! **24** Koa izao zavatra izao no ataovy: Esory ny mpanjaka samy hiala amin' ny toerany avy, ka asio mpanapaka hisolo azy; **25** ary ianao kosa dia makà miaramila ho anao toraka ny miaramilanao izay maty teo ary soavaly ho solon' ny soavaly sy kalesy ho solon' ny kalesy; ary hiady aminy eny an-tany lemaka isika, ka dia hahery noho izy tokoa. Ary nanaiky ny tenin' ireo izy, ka dia nataony izany. **26** Ary nony niherina ny taona, dia nandamina ny Syriana Beni-hadada ka niakatra nankany Afeka hiady amin' ny Isiraely. **27** Ary ny Zanak' Isiraely rehetra kosa dia nalamina sy novatsiana, ka dia lasa hiady aminy; ary ny Zanak' Isiraely nitoby tandrifiny toy ny osy andiany kely roa toko; fa ny Syriana kosa nanenika ny tany. **28** Ary nanatona ilay lehilahin' Andriamanitra ka nilaza tamin' ny mpanjakan' ny Isiraely hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Satria ny Syriana nilaza hoe: Andriamanitry ny havoana ihany Jehovah, fa tsy mba Andriamanitry ny tany lemaka, dia hatolotro eo an-tananao ireo olona maro be rehetra ireo, ka dia ho fantatrao fa Izaho no Jehovah. **29** Dia nitoby mifanandrify hafitoana izy roa tonta. Ary tamin' ny andro fahafito, dia raikitra ny ady; ary ny Zanak' Isiraely nahafaty ny miaramila an-tongotra iray hetsy tamin' ny Syriana indray andro. **30** Fa ny sisa dia nandositra nankany an-tanàna Afeka; nefa nianjeran' ny manda ireny olona sisa ireny, ary fito arivo amby roa alina no isany. Ary Beni-hadada nandositra nankany an-tanàna ka niditra tao amin' ny efi-trano anatiny. **31** Fa hoy ny mpanompony taminy: Indro, efa renay fa mpanjaka mamindra fo ireo mpanjakan' ny taranak' Isiraely. Koa masìna ianao, avelao hosikinanay lamba fisaonana ny valahanay, ary hasianay mahazaka ny lohanay, dia hankany amin' ny mpanjakan' ny Isiraely izahay; angamba hovelominy ny ainao. **32** Dia nosikinany lamba fisaonana ny valahany, ary nasiany mahazaka ny lohany, dia nankany amin' ny mpanjakan' ny Isiraely izy ka nanao hoe: Izao no fitenin' i Beni-hadada mpanomponao: Avelao mba ho velona ny aiko. Ary hoy izy: Moa mbola velona ihany va izy? Rahalahiko izy. **33** Ary nataon' ireo olona ireo fa zara ho azy izany, dia namonjy nanantitra ny teniny izy ka nanao hoe: Rahalahinao hoe Beni-adada. Dia hoy izy: Mandehana, alao izy. Ary Beni-hadada nankany aminy, dia nasainy niakatra ho eo amin' ny kalesiny. **34** Ary hoy Beni-hadada taminy: Ny tanàna izay nalain' ny raiko tamin' ny rainao dia hampodiko; ary manaova lalambe ho anao any Damaskosy, tahaka ny nataon' ny raiko tany Samaria. Ary hoy Ahaba: Halefako ianao amin' izany fanekena izany. Dia nanao fanekena taminy izy ka nandefa azy. **35** Ary nisy lehilahy anankiray, zanaky ny mpaminany, niteny tamin' ny namany araka ny tenin' i Jehovah ka nanao hoe: Masìna ianao asio aho. Fa tsy nety namely azy ilay lehilahy. **36** Dia hoy izy taminy: Satria ianao tsy nihaino ny feon' i Jehovah, indro, fa raha vao miala amiko eto ianao, dia hisy liona hamono anao. Ary raha vao niala teo aminy izy, dia hitan' ny liona ka novonoiny. **37** Ary nahita lehilahy hafa indray ralehilahy ka nanao hoe: Masìna ianao, asio aho. Ary ilay lehilahy namely azy, dia voa izy ka naratra. **38** Dia lasa ilay mpaminany ka niandry ny mpanjaka teny an-dalana, ary nasiany fehiloha tamin' ny handriny tsy hahafantarany azy. **39** Ary nony nandalo ny mpanjaka, dia nitaraina taminy ilay mpaminany ka nanao hoe: Izaho mpanomponao nankany

anatin' ny ady; ary, indro, nisy lehilahy anankiray nivily ka nitondra lehilahy tany amiko sady nanao hoe: Hazony ity lehilahy ity; fa raha tahìny lasa izy, dia ny ainao no hisolo ny amy, na handoa talenta volafotsy iray ianao. **40** Kanjo nony nikeninkenina tetsy sy teroa ny mpanomponao, dia lasa izy. Ary hoy ny mpanjakan' ny Isiraely taminy: Ho tahaka izany ihany no hitsarana anao; ny tenanao no nilaza izany. **41** Ary nesoriny haingana ilay fehi-loha tamin' ny handriny; ka dia fantatry ny mpanjakan' ny Isiraely fa isan' ny mpaminany izy. **42** Dia hoy izy taminy: Izao no lazain' i Jehovah: Satria nalefanao niala teo an-tananao ny lehilahy izay nasaiko hovonoina tokoa, dia ny ainao no hisolo ny ainy, ary ny olonao no hisolo ny olony. **43** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely nandeha ho any an-tranony sady nalahelo no sosotra, dia tonga tany Samaria.

21 Ary rehefa afaka izany zavatra izany, Nabota Jezirelita nanana tanim-boaloboka tao Jezirela, takaikin' ny lapan' i Ahaba, mpanjakan' i Samaria. **2** Ary Ahaba niteny tamin' i Nabota hoe: Omeo ahy ny tanim-boalobokao mba hataoko fambolena anana, fa akaikin' ny lapako izy; ary hotakalozako tanim-boaloboka tsara noho izy, na vola tokom-bidiny, raha izany no sitraky ny fonao. **3** Fa hoy Nabota tamin' i Ahaba: Sanatria amiko eo anatrehan' i Jehovah izany! fa tsy homeko anao any tanin-drazako. **4** Ary Ahaba nankany an-trano sady malahelo no sosotra noho ny teny nolazain' i Nabota Jezirelita taminy hoe: Tsy homeko anao ny tanindrazako. Dia nandry teo am-parafarany izy ka nampihodina ny tavany sady tsy nety nihinan-kanina. **5** Ary Jezebela vadiny nankeo aminy ka nanao taminy hoe: Ahoana no mampahasosotra anao toy izao, no tsy mety homan-kanina ianao? **6** Dia hoy izy taminy: Satria niteny tamin' i Nabora Jezirelita aho ka nanao taminy hoe: Omeo ahy ny tanim-boalobokao hovidiko vola, na hotakalozako tanim-boaloboka hafa, raha izany no sitraky ny fonao; fa izy namaly hoe: Tsy homeko anao ny tanim-boaloboko. **7** Ary hoy Jezebela vadiny taminy: Moa ianao tokoa va no manjaka amin' ny Isiraely izao? Miarena, mihinàna hanina, ary aoka ho ravoravo ny fonao; izaho hanome anao ny tanim-boalobok' i Nabota Jezirelita. **8** Ary Jezebela dia nanoratra taratasy tamin' ny anaran' i Ahaba, ka notombohiny tamin' ny fanombohan-kasen' andriana, ary ny taratasy dia nampitondrainy ho any amin' ny loholona sy ny manan-kaja tao an-tanànany, dia ireo niara-nitoetra tamin' i Nabota. **9** Ary izao no nosoratany tao amin' ny taratasy: Miantsoa andro fifadian-kanina, ary apetraho eo anatrehan' ny olona Nabota. **10** Dia anangano roa lahy izay tena ratsy fanahy ho eo anatrehany hiampanga azy hoe: Efa niteny ratsy an' Andriamanitra sy ny mpanjaka ianao. Dia ento mivoaka izy, ka torahy vato ho faty. **11** Ary ny olona tao an-tanànany, dia ny loholona sy ny manan-kaja izay nonina tao, nanao araka izay nanirahan' i Jezebela tany aminy, dia ilay voasoratra ao amin' ny taratasy izay nampitondrainy tany aminy. **12** Dia niantso andro fifadian-kanina izy ka nametraka an' i Nabota teo anatrehan' ny olona. **13** Ary niditra ilay roa lahy tena ratsy fanahy ka nipetraka teo anatrehany, dia niampanga an' i Nabota teo anatrehan' ny olona ireo ka nanao hoe: Niteny ratsy an' Andriamanitra sy ny mpanjaka Nabota. Ary nentin' ny olona nivoaka teny ivelan' ny tanàna Nabota, dia notorahany vato ka maty. **14** Dia naniraka tany amin' i Jezebela izy ireo ka nanao hoe: Efa notoraham-bato Nabota ka maty. **15** Ary rehefa ren' i Jezebela fa voatora-bato Nabota ka maty, dia hoy izy tamin' i Ahaba: Mitsangàna, ka alao ho anao ny tanim-boalobok' i Nabota Jezirelita, izay tsy foiny ho namidy taminao; fa tsy velona intsony Nabota fa efa maty. **16** Ary rehefa ren' i Ahaba fa efa maty Nabota, dia niainga izy ka nidina nankany amin' ny tanim-boalobok' i Nabota Jezirelita mba haka ny tany ho azy. **17** Ary ny tenin' i Jehovah tonga tamin' i Elia Tisbita ka nanao hoe: **18** Miaingà, ka midìna hihaona amin' i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely, izay ao Samaria; indro, ao amin' ny tanim-boalobok' i Nabota izy, fa lasa nankao izy mba haka ny tany ho azy. **19** Koa mitenena aminy hoe: Izao no Jazain' i Jehovah: Efa namono va ianao ka efa naka ho anao koa? Ary ianao dia hiteny aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Ao amin' ny tany izay nilelafan' ny alika ny ran' i Nabota no hilelafan' ny alika ny ràna0, dia ny ràna0 tokoa. **20** Ary hoy Ahaba tamin' i Elia: Azonao va aho, ry ilay fahavaloko? Ary Elia namaly hoe: Azoko ianao, satria ianao efa nivaro-tena hanao izay ratsy eo imason' i Jehovah. **21** Indro, hahatonga loza aminao Aho ka handringana ny taranakao, ary ho fongotra ny lehilahy rehetra amin' ny taranak' i Ahaba, na ny voahazona na ny afaka amin' ny Isiraely. **22** Ary ny taranakao hataoko tahaka ny taranak' i Jeroboama, zanak' i Nebata, sy tahaka ny taranak' i Basa, zanak' i Ahia, noho ny nampirehetanao ny fahatezerako sy ny nampanotanao ny Isiraely. **23** Ary ny amin' i Jezebela koa dia nolazain' i Jehovah hoe: Ny alika hihinana an' i Jezebela eny ivelan' ny màndan' i Jezirela. **24** Izay tamingan' i Ahaba maty ao an-tanàna dia hohanin' ny alika; ary izay tamingany maty any an-tsaha kosa dia hohanin' ny voro-manidina. **25** Fa tsy nisy tahaka an' i Ahaba, izay nivarotena hanao izay ratsy eo imason' i Jehovah, satria nampirisihin' i Jezebela vadiny izy. **26** Ary izy nanao vetaveta loatra tamin' ny nanarahany ny sampy, dia tahaka izay rehetra nataon' ny Amorita, izay noroahin' i Jehovah teo anoloan' ny Zanak' Isiraely. **27** Ary rehefa ren' i Ahaba izany teny izany, dia nandriatra ny fitafiany izy ka nitafy lamba fisaonana nataony manolo-koditra sady nifady hanina sy nandry tamin-damba fisaonana ary nijoretra teny am-pandehanana. **28** Ary ny tenin' i Jehovah tonga tamin' i Elia Tisbita ka nanao hoe: **29** Hitanao va ny nanetren' i Ahaba tena teo anatrehako? Satria nanetry tena teo anatrehako izy, dia tsy hahatonga loza aminy Aho amin' ny androny; fa any amin' ny andron' ny zanany vao hahatonga loza amin' ny taranany Aho.

22 Ary nandry fahizay ny Syriana sy ny Isiraely telo taona, fa tsy niady. **2** Ary nony tamin' ny taona fahatelo, dia nidina Josafata, mpanjakan' ny Joda, ho any amin' ny mpanjakan' ny Isiraely. **3** Ary hoy ny mpanjakan' ny Isiraely tamin' ny mpanompony: Moa fantatrareo va fa antsika Ramota-gileada, nefa isika mitoetra foana ka tsy maka azy amin' ny tanan' ny mpanjakan' i Syria? **4**

Ary hoy koa izy tamin' i Josafata: Mba hiaraka amiko hiady an' i Ramota-gileada va ianao? Dia hoy Josafata tamin' ny mpanjakan' ny Isiraely. Eny, fa tahaka ny tenanao ihany aho, ka ny oloko dia olonao, ary ny soavaliko dia soavalinao. **5** Ary hoy Josafata tamin' ny mpanjakan' ny Isiraely: Masìna ianao, anontanio aloha ny tenin' i Jehovah. **6** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely dia nanangona ny mpaminany tokony ho efa-jato lahy ka nanao taminy hoe: Handena hanafika an' i Ramota-gileada va aho, sa hijanona ihany? Dia hoy ireo: Mandehana, fa hatolotry ny Tompo eo an-tananao izy, ry mpanjaka. **7** Ary hoy kosa Josafata: Moa tsy misy mpaminanin' i Jehovah koa va eto mba hanontaniantsika? **8** Dia hoy ny mpanjakan' ny Isiraely tamin' i Josafata: Mbola misy lehilahy iray ihany, dia Mikaia, zanak' i Jimla, izay ahazoantsika manontany amin' i Jehovah, saingy halako izy, satria tsy mba maminany soa ho ahy izy, fa loza ihany. Dia hoy Josafata: Aza manao izany, ry mpanjaka. **9** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely niantso ny tandapa anankiray ka nanao taminy hoe: Alao faingana Mikaia, zanak' i Jimla. **10** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely sy Josafata, mpanjakan' ny Joda, samy nipetraka teo amin' ny seza fiandrianany avy teo amin' ny famoloana eo anoloan' ny vavahadin' i Samaria sady samy efa niakanjo ny akanjony avy; ary ny mpaminany rehetra naminany teo matrehany. **11** Ary Zedekia, zanak' i Kenana, dia nanao tandroby ka nanao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: ireto no hanotoanao ny Syriana mandra-paharingany. **12** Ary ny mpaminany rehetra naminany toy izany koa hoe: Mandehana any Ramota-gileada, dia hambinina ianao; fa Jehovah hanolotra azy eo an-tananao, ry mpanjaka. **13** Ary ilay iraka izay nandeha naka an' i Mikaia niteny taminy hoe: Indro fa efa iray teny avokoa izao ny mpaminany ka milaza soa ho an' ny mpanjaka; masìna ianao, aoka re ny teninao mba ho tahaka ny an' ny anankiray amin' ireo, ka mba mitenena soa koa. **14** Ary hoy Mikaia: Raha velona koa Jehovah, dia izay lazain' i Jehovah amiko ihany no hambarako. **15** Dia nankany amin' ny mpanjaka izy. Ary hoy ny mpanjaka taminy: Ry Mikaia, handeha hanafika an' i Ramota-gileada va isika, sa hijanona ihany? Ary izy namaly azy hoe: Mandehana, fa hambinina ianao, fa hatolotr' i Jehovah eo an-tananao izy, ry mpanjaka. **16** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Impiry no hampianianako anao mba tsy hilaza na inona na inona amiko amin' ny anaran' i Jehovah afa-tsy izay marina ihany **17** Dia hoy Mikaia Hitako fa indreny ny Isiraely rehetra niely teny an-tendrombohitra toy ny ondry tsy misy mpiandry, ary hoy Jehovah: Ireto efa tsy manan-tompo, aoka izy samy hody soa aman-tsara any an-tranony avy. **18** Dia hoy ny mpanjakan' ny Isiraely tamin' i Josafata: Tsy efa voalazako taminao va fa tsy mba mety maminany soa ho ahy izy, fa loza ihany? **19** Ary hoy Mikaia: Henoy ary ny tenin' i Jehovah: Nahita an' i Jehovah nipetraka teo amin' ny seza fiandrianany aho, ary ireo maro be rehetra any an-danitra nitsangana teo an-daniny avy, dia teo amin' ny ankavanany sy teo amin' ny ankaviany. **20** Ary hoy Jehovah: Iza no hitaona an' i Ahaba handeha ho any Ramotagileada ka ho lavo any? Ary ny anankiray niteny toy izao, ary ny anankiray kosa niteny toy izao. **21** Dia nandroso ny fanahy ka nitsangana teo anatrehan' i Jehovah ary nanao hoe: Izaho no hitaona azy. Ary hoy Jehovah taminy: Amin' inona anefa? **22** Dia hoy izy: Hivoaka aho ka ho tonga fanahy mandainga ao am-bavan' ny mpaminaniny rehetra. Dia hoy indray Jehovah: Ho voataonanao ihany izy, ka hahatanteraka ianao; mivoaha ary, ka ataovy izany. **23** Koa, indro, Jehovah efa nanisy fanahy mandainga ao am-bavan' ireto mpaminaninao rehetra ireto ary Izy koa efa nilaza ny loza hanjo anao. **24** Fa Zedekia, zanak' i Kenana, nanatona, dia namely ny takolak' i Mikaia sady nanao hoe: Taiza no nialan' ny Fanahin' i Jehovah tamiko hiteny aminao? **25** Dia hoy Mikaia: Indro, ho hitanao izany amin' ny andro hidiranao ao amin' ny efi-trano anatiny hierenao. **26** Dia hoy ny mpanjakan' ny Isiraely: Raiso Mikaia, ka ento miverina izy ho any amin' i Amona, komandin' ny tanàna, sy ho any amin' i Joasy, zanaky ny mpanjaka, **27** ka lazao hoe: Izao no lazain' ny mpanjaka: Ataovy ao an-trano-maizina ilehity, ka fahano mofom-pahoriana sy ranom-pahoriana izy mandra-pahatongako soa aman-tsara. **28** Fa hoy Mikaia: Raha tàhiny ho tafaverina soa aman-tsara ianao dia tsy nampitenenin' i Jehovah aho tsy akory. Ary hoy koa izy: Samia mihaino izany ianareo, ry firenena rehetra. **29** Dia niakatra nankany Ramota-gileada ny mpanjakan' ny Isiraely sy Josafata, mpanjakan' ny Joda. **30** Ary hoy ny mpanjakan' ny Isiraely tamin' i Josafata: Hody olon-kafa aho ka hitsarapaka any anatin' ny ady, fa ianao kosa dia miakanjoa ny akanjonao ihany. Dia nody olon-kafa ny mpanjakan' ny Isiraely ka nitsarapaka tany anatin' ny ady. **31** Fa ny mpanjakan' i Syria efa nandidy ny roa amby telo-polo lahy, komandin' ny kalesy, nanao hoe: Aza miady na amin' ny kely na amin' ny lehibe, afa-tsy amin' ny mpanjakan' ny Isiraely ihany. **32** Ary nony nahita an' i Josafata ireo komandin' ny kalesy, dia hoy izy: Iny mihitsy no mpanjakan' ny Isiraely. Dia nanatrika hiady taminy ireo; ka dia niantsoantso Josafata. **33** Ary rehefa hitan' ireo komandin' ny kalesy fa tsy ny mpanjakan' ny Isiraely izy, dia niverina niala taminy ireo. **34** Ary nisy lehilahy anankiray nandefa zana-tsipìka kitoatoa ka nahavoa ny mpanjakan' ny Isiraely teo anelanelan' ny fiarovan-tratrany sy ny eo ambaniny; ka dia hoy izy tamin' ny mpampandeha ny kalesiny: Ahodino, ka ento miala eto amin' ny ady aho, fa voa. **35** Ary nihamafy ny ady tamin' izany andro izany; ary ny mpanjaka notohanana hitsangana teo amin' ny kalesiny tandrifin' ny Syriana, ary dia maty izy nony efa harivariva ny andro; ary ny rà nandeha avy teo amin' ny efa voa ho ao anatin' ny kalesy. **36** Ary nony efa hilentika ny masoandro, dia niely eran' ny toby rehetra izao antsoantso izao hoe: Samia mody any an-tanànany avy sy any amin' ny taniny avy! **37** Dia maty ny mpanjaka, ka nentina tany Samaria izy, dia nalevina tao. **38** Ary nony nosasana teo am-parihin' i Samaria ny kalesiny, dia avy ny alika nilelaka ny ràny raha nandro tao ny vehivavy janga araka ny tenin' i Jehovah. **39** Ary ny tantaran' i Ahaba sisa mbamin' izay rehetra nataony sy ny trano ivory izay nataony ary ny tanàna rehetra izay naoriny, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **40** Ary Ahaba lasa nodi-mandry any amin' ny razany; ary Ahazia zanany no

nanjaka nandimby azy. **41** Ary Josafata, zanak' i Asa, vao
nanjaka tamin' ny Joda tamin' ny taona fahefatra nanjakan'
i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely. **42** Dimy amby telo-polo
taona Josafata, fony izy vao nanjaka, ary dimy amby roa-
polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-
dreniny dia Azoba, zanakavavin' i Sily. **43** Ary nandeha
tamin' ny lalana rehetra izay nalehan' i Asa rainy izy ka
tsy niala tamin' izany, fa nanao izay mahitsy eo imason' i
Jehovah; kanefa kosa ny fitoerana avo tsy mba noravana,
fa ny olona mbola namono zavatra hatao fanatitra sady
mbola nandoro ditin-kazo manitra teny amin' ny fitoerana
avo ihany. **44** Ary Josafata nanao fihavanana tamin' ny
mpanjakan' ny Isiraely. **45** Ary ny tantaran' i Josafata sisa sy
ny heriny mbamin' ny niadiany, tsy efa voasoratra ao amin'
ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **46**
Ary ny sisa amin' ny olona izay nanolo-tena hijangajanga ho
fanompoan-tsampy, dia lzay mbola tany tamin' ny andron' i
Asa rainy, dia nofongorany hiala amin' ny tany. **47** Ary tsy
nisy mpanjaka tany Edoma fahizay, fa olona voatendry no
nitondra ny fanjakana. **48** Ary Josafata nanao sambon' i
Tarsisy folo hankany Ofira haka volamena; nefa tsy lasa
ireo sambo ireo, fa nahavakiana tao Ezion-gebera. **49** Dia
hoy Ahazia, zanak' i Ahaba, tamin' i Josafata: Aoka ny
vahoakako hiaraka amin' ny vahoakanao any an-tsambo.
Fa tsy nety Josafata. **50** Ary Josafata lasa nodi-mandry
any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny razany tao
an-Tanànan' i Davida rainy izy; ary Jehorama zanany no
nanjaka nandimby azy. **51** Ahazia, zanak' i Ahaba, vao
nanjaka tamin' ny Isiraely tao Samaria tamin' ny taona
fahafito ambin' ny folo nanjakan' i Josafata, mpanjakan'
ny Joda; ary nanjaka roa taona tamin' ny Isiraely izy. **52**
Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, fa nandeha
tamin' ny lalan' ny rainy sy ny reniny ary tamin' ny lalan' i
Jeroboama, zanak' i Nebata, izay nampanota ny Isiraely; **53**
ary nanompo an' i Bala izy, dia niankohoka teo anatrehany
ka nampahatezitra an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely,
tahaka izay rehetra nataon-drainy.

2 Mpanjaka

1 Ary Moaba niodina tamin' ny Isiraely, rehefa maty Ahaba.
2 Ary Ahazia nianjera avy teo amin' ny makarakara
teo amin' ny efi-trano ambony tao Samaria ka narary; dia
naniraka olona izy ka nanao taminy hoe: Mandehana,
anontanio amin' i Bala-zeboba, andriamanitr' i Ekrona,
na ho sitrana ihany aho amin' ity aretiko ity, na tsia.
3 Ary Ilay Anjelin' i Jehovah niteny tamin' i Elia Tisbira hoe:
Miaingà, miakara hihaona amin' ny iraky ny mpanjakan' i
Samaria, ka manaova aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah:
Moa ataonareo fa tsy misy Andriamanitra eo amin' ny
Isiraely va, no mandeha hanontany amin' i Bala-zeboba,
andriamanitr' i Ekrona, ianareo? **4** Koa noho izany dia
tsy hidina hiala amin' ny farafara izay niakaranao ianao,
fa ho faty tokoa. Ary dia lasa Elia. **5** Dia niverina tany
amin' ny mpanjaka ny iraka, ka hoy izy taminy: Nahoana re
no niverina ianareo? **6** Ary hoy ireo taminy: Nisy lehilahy
niakatra nitsena anay ka nanao taminay hoe: Mandehana
miverina any amin' ny mpanjaka izay naniraka anareo, ka
lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Moa ataonareo
fa tsy misy Andriamanitra eo amin' ny Isiraely va, no
maniraka hanontany amin' i Bala-zeboba, andriamanitr'
i Ekrona, ianareo? Koa noho izany dia tsy hidina hiala
amin' ny farafara izay niakaranao ianao, fa ho faty tokoa.
7 Ary hoy izy taminy: Lehilahy toy inona izay niakatra
nitsena anareo izay ka nilaza izany teny izany taminareo?
8 Ary ireo namaly azy hoe: Lehilahy mitafy volom-biby
izy, sady nisy fehin-kibo hoditra tamin' ny valahany. Dia
hoy izy: Elia Tisbita izay. **9** Ary ny mpanjaka naniraka
mpifehy dimam-polo anankiray mbamin' ny dimam-polo
fehiny hankany aminy. Dia niakatra tany aminy izy; ka
indro izy nipetraka teo an-tampon' ny tendrombohitra; ary
niteny taminy ralehilahy hoe: Ry lehilahin' Andriamanitra ô,
midìna ianao, antsoin' ny mpanjaka. **10** Fa Elia namaly ka
nanao tamin' ny mpifehy dimam-polo hoe: Raha lehilahin'
Andriamanitra tokoa aho, dia aoka hisy afo milatsaka
avy any an-danitra handevona anao sy ny dimam-polo
fehinao. Ary dia nisy afo nilatsaka avy tany an-danitra ka
nandevona azy mbamin' ny dimam-polo fehiny. **11** Dia
naniraka mpifehy dimam-polo anankiray mbamin' ny dimam-
polo fehiny hankany aminy koa ny mpanjaka. Dia niteny
izy ka nanao taminy hoe: Ry lehilahin' Andriamanitra ô,
midìna faingana ianao, antsoin' ny mpanjaka. **12** Fa namaly
Elia ka nanao taminy hoe: Raha lehilahin' Andriamanitra
tokoa aho, dia aoka hisy afo milatsaka avy any an-danitra
ka handevona anao mbamin' ny dimam-polo fehinao. Ary
dia nisy afon' Andriamanitra nilatsaka avy tany an-danitra
ka nandevona azy mbamin' ny dimam-polo fehiny. **13** Ary
dia naniraka mpifehy dimam-polo anankiray koa indray
mbamin' ny dimam-polo fehiny izy. Dia niakatra ilay mpifehy
dimam-polo ka tonga, ary nandohalika teo anatrehan' i Elia
ka nifona taminy nanao hoe: Masìna ianao, ry lehilahin'
Andriamanitra ô, aoka ho zava-tsoa eo imasonao ny aiko
sy ny ain' ireto mpanomponao dimam-polo ireto. **14** Indro,
efa nisy afo nilatsaka avy tany an-danitra ka nandevona
ireo roa lahy mpifehy dimam-polo ireo mbamin' ny dimam-
polo fehiny avy; fa aoka kosa ho zava-tsoa eo imasonao ny
aiko ankehitriny. **15** Ary hoy Ilay Anjelin' i Jehovah tamin' i
Elia: Midìna ihany hiaraka aminy ianao; fa aza matahotra
azy. Ary dia niainga izy ka nidina niaraka taminy ho any
amin' ny mpanjaka. **16** Ary hoy izy tamin' ny mpanjaka:
Izao no lazain' i Jehovah: Satria naniraka olona hanontany
amin' i Bala-zeboba, andriamanitr' i Ekrona, ianao, hoatra
ny tsy misy Andriamanitra eo amin' ny Isiraely, dia tsy
hidina hiala amin' ny farafara izay niakaranao ianao fa ho
faty tokoa. **17** Ka dia maty izy araka ny tenin' i Jehovah
izay nolazain' i Elia. Ary satria tsy nanan-janaka izy, dia
Jorama no nanjaka nandimby azy tamin' ny taona faharoa
nanjakan' i Jehorama, zanak' i Josafata, mpanjakan' ny
Joda. **18** Ary ny asan' i Ahazia sisa izay nataony, tsy efa
voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan'
ny Isiraely va izany?

2 Ary nony efa hampakarin' i Jehovah ho any an-danitra
amin' ny tafio-drivotra Elia, dia niara-nandeha avy tany
Gilgala izy sy Elisa. **2** Ary hoy Elia tamin' i Elisa: Masìna
ianao, mijanòna eto; fa Jehovah efa naniraka ahy hatrany
Betela. Fa hoy Elisa: Raha velona koa Jehovah, ary raha
velona koa ny ainao, tsy handao anao mihitsy aho. Ka dia
nidina nankany Betela izy roa lahy. **3** Ary nivoaka nankany
amin' i Elisa ireo zanaky ny mpaminany izay tao Betela
ka nanao taminy hoe: Fantatrao va fa anio no hangalan' i
Jehovah ny tomponao hiala ho any ambonin' ny lohanao?
Dia hoy izy: Eny, fantatro ihany koa izany, fa mangìna
ianareo. **4** Ary hoy Elia taminy: Masìna ianao, ry Elisa,
mijanòna eto; fa Jehovah efa naniraka ahy ho any Jeriko.
Fa hoy Elisa: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona
koa ny ainao, tsy handao anao mihitsy aho. Ka dia tonga
tany Jeriko izy roa lahy. **5** Ary ireo zanaky ny mpaminany
izay tao Jeriko nanatona an' i Elisa ka nanao taminy hoe:
Fantatrao va fa anio no hangalan' i Jehovah ny tomponao
hiala ho any ambonin' ny lohanao? Ary izy namaly hoe:
Eny, fantatro ihany koa izany, fa mangìna ianareo. **6** Ary
hoy Elia taminy: Masìna ianao, mijanòna eto; fa Jehovah
efa naniraka ahy ho any Jordana. Fa hoy Elisa: Raha
velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, tsy
handao anao mihitsy aho. Ary dia lasa nandeha izy roa
lahy. **7** Ary nisy dimam-polo lahy, zanaky ny mpaminany,
nandeha, dia nijanona tandrifiny teny lavitra eny; fa izy roa
lahy kosa nitsangana teo amoron' i Jordana. **8** Ary Elia
nandray ny kapôtiny ka namalona azy, dia nikapoka ny
rano, ary nisaraka roa ny rano, ka dia nita tamin' ny tany
maina izy roa lahy. **9** Ary nony efa tafita izy roa lahy, dia hoy
Elia tamin' i Elisa: Angataho izay hataoko ho anao, dieny
tsy mbola misaraka aminao aho. Ary hoy Elisa: Masìna
ianao, aoka ny anjaran-droa amin' ny fanahinao mba ho
ahy. **10** Fa hoy izy: Sarotra ny nangatahinao; kanefa raha
mahita ahy misaraka aminao ianao, dia ho anao ihany
izany; fa raha tsy izany kosa, dia tsy ho anao izany. **11** Ary
raha mbola nandeha sy niresaka izy roa lahy, dia, indro,
nisy kalesy afo sy soavaly afo nampisaraka azy roa lahy;
ary Elia niakatra tamin' ny tafio-drivotra ho any an-danitra.

12 Ary raha nahita izany Elisa, dia niantso hoe: Ry ikaky ô, ry ikaky ô, eny kalesin' ny Isiraely sy ny mpitaingintsoavaliny! Dia tsy nahita azy intsony izy. Ary noraisiny ny fitafiany ka notriariny roa. **13** Ary nalainy ny kapôtin' i Elia izay latsaka avy teny aminy, dia niverina izy ka nitsangana teo amoron' i Jordana. **14** Dia noraisin' i Elisa ny kapôtin' i Elia, ilay latsaka avy teny aminy, ka nakapony ny rano, dia hoy izy: Aiza Jehovah, Andriamanitr' i Elia? Eny, Elisa koa nikapoka ny rano, dia nisaraka roa izany, ka dia nita izy. **15** Ary raha nahita azy ireo ny zanaky ny mpaminany izay nanandrify azy teo Jeriko, dia nanao hoe: Ny fanahin' i Elia efa mipetraka amin' i Elisa. Ary nandeha nitsena azy ireo ka niankohoka tamin' ny tany teo anatrehany. **16** Dia hoy ireo taminy: Indro, misy dimam-polo lahy matanjaka ato amin' ny mpanomponao; masìna ianao, aoka handeha hitady ny tomponao ireo, fandrao naingain' ny Fanahin' i Jehovah izy ka nazerany any an-tendrombohitra anankiray, na any andohasaha anankiray. Fa hoy izy: Aza maniraka ianareo. **17** Ary raha nanery azy ireo mandra-pikaodikaodiny, dia hoy izy: Maniraha ary. Dia naniraka dimam-polo lahy izy; ary nitady azy hateloana ireny, fa tsy nahita. **18** Ary tonga tao aminy indray ireny, raha mbola tao Jeriko ihany izy, dia hoy izy taminy: Tsy nilaza taminareo va aho nanao hoe: Aza mandeha? **19** Ary hoy ny mponina tao amin' izany tanàna izany tamin' i Elisa: Masìna ianao, indro, tsara toerana ity tanàna ity, tompoko, araka izao hitanao izao, saingy ratsy rano, ary ny tany tsy mampahavanon' anaka. **20** Dia hoy izy: Itondray lovia vaovao aho, ka asio sira ao anatiny. Dia nentiny tany aminy izany. **21** Ary nivoaka nankany amin' ilay niandohan' ny rano izy, dia nanipy sira tao ka nanao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Efa nahatsara ity rano ity Aho; tsy hisy fahafatesana na tsi-fahavanonan' anaka intsony hiseho eto. **22** Ka dia tsara ny rano mandraka androany araka ny teny nataon' i Elisa. **23** Ary dia niakatra avy tao izy ka nankany Betela; ary nony niakatra teny an-dalana izy, dia, indreo, nisy ankizilahy madinika nivoaka avy tao antanàna ka nanakora azy hoe: Miakara, ry ilay sola; miakara, ry ilay sola! **24** Ary nitodika izy ka nahita azy, dia nanozona azy tamin' ny anaran' i Jehovah. Ary dia nisy beravavy roa avy tany an' ala namiravira roa amby efa-polo tamin' ireo ankizilahy madinika ireo. **25** Dia niala teo Elisa ka nankany an-tendrombohitra Karmela, ary avy tao no niverenany any Samaria.

3 Ary Jorama, zanak' i Ahaba, vao nanjaka tamin' ny Isiraely tao Samaria tamin' ny fahavalo ambin' ny folo taona nanjakan' i Josafata, mpanjakan' ny Joda, ary nanjaka roa ambin' ny folo taona izy. **2** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah koa izy, nefa kosa tsy dia tahaka andrainy, na tahaka an-dreniny; fa nanaisotra ilay tsangambaton' i Bala izay nataon' drainy izy; **3** nefa izy nikikitra tamin' ny fahotan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, izay nampanotany ny Isiraely, fa tsy niala tamin' izany. **4** Ary Mesa, mpanjakan' i Moaba, nanana ondry betsaka; ary nandoa hetra ho an' ny mpanjakan' ny Isiraely izy, dia zanak' ondry iray hetsy sy ny volon' ondrilahy iray hetsy. **5** Fa rehefa maty Ahaba, dia niodina tamin' ny mpanjakan' ny Isiraely ny mpanjakan' i Moaba. **6** Ary Jorama mpanjaka nivoaka avy tany Samaria tamin' izany andro izany ka nandamina ny Isiraely rehetra. **7** Ary nandeha izy, dia naniraka tany amin' i Josafata, mpanjakan' ny Joda, ka nanao hoe: Ny mpanjakan' i Moaba efa niodina tamiko: koa mba hiaraka amiko va ianao hiady aminy? Ary hoy izy: Eny, handeha aho, fa tahaka ny tenanao ihany aho, ka ny oloko dia olonao, ary ny soavaliko dia soavalinao. **8** Ary hoy izy: Aiza ary no lalana halehantsika? Ary izy namaly hoe: Ilay mamaky ny efitr' i Edoma. **9** Dia nandeha ny mpanjakan' ny Isiraely sy ny mpanjakan' ny Joda ary ny mpanjakan' i Edoma; ary nandeha nanodidina lalan-kafitoana izy; ary tsy nisy rano ho an' ny miaramila sy ny biby fiompy izay nentiny. **10** Dia hoy ny mpanjakan' ny Isiraely: Indrisy! Jehovah efa niantso ireto mpanjaka telo ireto mba hatolony eo an-tànan' i Moaba. **11** Ary hoy Josafata: Tsy misy mpaminanin' i Jehovah va eto hanontaniantsika amin' i Jehovah? Ary nisy anankiray tamin' ny mpanompon' ny mpanjakan' ny Isiraely namaly ka nanao hoe: Ato ihany Elisa, zanak' i Safata, ilay mpanondra-drano ny tànan' i Elia. **12** Ary hoy Josafata: Ao amin' izy io tokoa ny tenin' i Jehovah. Dia nidina nankany amin' i Elisa ny mpanjakan' ny Isiraely sy Josafata ary ny mpanjakan' i Edoma. **13** Ary hoy Elisa tamin' ny mpanjakan' ny Isiraely: Moa mifaninona akory izaho sy ianao? Mandehana any amin' ny mpaminanin-drainao sy ny mpaminanin-dreninao ianao. Fa hoy ny mpanjakan' ny Isiraely taminy: Tsia, fa Jehovah efa niantso ireto mpanjaka telo ireto mba hatolony eo an-tànan' i Moaba. **14** Dia hoy Elisa: Raha velona koa Jehovah, Tompon' ny maro, Izay itsanganako eo anatrehany, raha tsy noho ny fanajako an' i Josafata, mpanjakan' ny Joda, dia tsy hanatrika anao na hijery anao akory aho. **15** Nefa itondray mpitendry lokanga aho. Ary rehefa nitendry ilay mpitendry lokanga, dia nanindry an' i Elisa ny tànan' i Jehovah. **16** Ary hoy Elisa: Izao no lazain' i Jehovah: Ataovy feno lavaka ity lohasahan-driaka ity. **17** Fa hoy Jehovah: Tsy hahita rivotra na ranonorana akory ianareo; nefa ho feno rano io lohasahan-driaka io, mba hosotroinareo, dia ianareo sy ny ombinareo ary ny biby fiompinareo. **18** Ary ho zavatra kely ihany eo imason' i Jehovah izany; fa hanolotra ny Moabita eo an-tananareo koa Izy. **19** Ary handrava ny tanàna mimanda rehetra sy ny tanàna soa rehetra ianareo sady hikapa ny hazo tsara rehetra sy hanampina ny loharano rehetra ary hanipy vato amin' ny tany soa rehetra ho fanimbana azy. **20** Ary nony maraina, tokony ho tamin' ny fotoana fanaterana ny fanatitra, dia, indro, nisy rano tokoa tonga avy tamin' ny lalana mankany Edoma, ka feno rano ny tany. **21** Ary rehefa ren' ny Moabita rehetra fa avy miakatra hiady aminy ireo mpanjaka ireo, dia nivory izy hatramin' izay rehetra nahatam-piadiana no ho miakatra, ka dia niandry teo amin' ny sisin-taniny. **22** Ary nony nifoha maraina koa ny Moabita, sady efa niposaka ny masoandro ka nitaratra tamin' ny rano, dia hitany ny rano tandrifiny fa mena tahaka ny rà. **23** Dia hoy izy: Rà io! efa nifandringana tokoa ireo mpanjaka ireo, ary efa nifamely izy rehetra; koa mamaboa amin' izao, ry Moaba! **24** Kanjo nony efa tonga teo an-tobin' ny Isiraely izy, dia nitsangana ny Isiraely ka

namely ny Moabita, dia nandositra teo anoloany ireo; fa ny Isiraely niditra hatrany amin' ny tanin' ny Moabita ka mbola namely azy ihany. **25** Dia nandrava ny tanàna izy ary samy nanipy vato tamin' ny tany soa rehetra ka nahafeno azy, ary nanampina ny loharano rehetra koa izy sady nikapa ny hazo tsara rehetra mandra-paha-tsy nisy vato intsony afa-tsy ny tao Kira-haresa ihany; ary na dia io aza dia nohodidinin' ny mpandefa antsamotady ka nasiany. **26** Ary rehefa hitan' ny mpanjakan' i Moaba fa tsy tohany ny ady, dia nitondra fiton-jato lahy nahay sabatra nomba azy izy mba hanivakivaka hitsin' ny mpanjakan' i Edoma; nefa tsy afaka izy. **27** Ary nalainy ny zanany lahimatoa, izay natao hanjaka handimby azy, ka nateriny ho fanatitra dorana teo ambonin' ny manda. Dia niharan' ny fahatezerana mafy ny Isiraely, dia niala taminy ary niverina ho any amin' ny taniny izy.

4 Ary nisy vehivavy anankiray, vadin' ny zanaky ny mpaminany, nitaraina tamin' i Elisa hoe: Maty ny vadiko mpanomponao; ary ianao mahalala fa natahotra an' i Jehovah ny mpanomponao; nefa tonga ny tompo-trosa haka ny zanako mirahalahy ho andevony **2** Dia hoy Elisa taminy: Inona ary no hataoko ho anao? Lazao amiko: inona avy no anananao ao an-trano? Fa hoy ravehivavy: Ny ankizivavinao tsy manana na inona na inona ao an-trano afa-tsy diloilo iray tavoara monja. **3** Ary hoy izy: Andeha mindram-bilany amin' ny namanao rehetra manodidina, dia vilany tsy misy zavatra, nefa aza atao vitsy. **4** Ary rehefa tafiditra ianao, dia aoka hirindrim-baravarana ianao sy izy mirahalahy zanakao, ary manidina amin' izany vilany rehetra izany, dia atokàny izay feno. **5** Dia niala teo aminy ravehivavy ka nirindrim-baravarana mbamin' izy mirahalahy zanany, ary izy mirahalahy nitondra ny vilany ho any aminy, fa reniny kosa nanidina ny diloilo. **6** Ary nony feno ny vilany, dia hoy izy tamin' ny zanany: Itondray vilany iray koa aho. Fa hoy kosa ireo taminy: Tsy misy vilany intsony. Ary dia nitsahatra ny diloilo. **7** Dia avy ravehivavy ka nilaza tamin' ny lehilahin' Andriamanitra. Ary hoy kosa izy: Mandehana, amidio ny diloilo, ka anefao izay trosan' olona aminao, ary izay sisa dia hivelomanao sy ny zanakao. **8** Ary tamin' ny indray andro Elisa dia nankany Sonema, ary nisy vehivavy mpanankarena teo izay nanery azy hihinan-kanina. Ary isaky ny mandalo izy, dia nivily nankao aminy hihinan-kanina. **9** Ary hoy ravehivavy tamin' ny lahy; Indro, fantatro fa masìna sady lehilahin' Andriamanitra ilay mpandalo eto amintsika mandrakariva. **10** Masìna ianao, andeha isika hanao efi-trano kely ambony rihana; ary hasiantsika fandriana sy latabatra sy seza ary fanaovan-jiro ho azy ao; ary raha tonga eto amintsika izy, dia ao no hipetraka. **11** Ary tamin' ny indray andro dia tonga tao Elisa ka nipetraka tao amin' ilay efi-trano ambony ary nandry tao. **12** Ary hoy izy tamin' i Gehazy zatovony: Antsoy ilay Sonemita. Ary rehefa nantsoiny ravehivavy, dia nitsangana teo anatrehany izy. **13** Ary hoy Elisa tamin' i Gehazy: Mba lazao amin-dravehivavy hoe: Indro, efa niahy anay tamin' izao fiahiana rehetra izao ianao, koa inona kosa no mba hatao ho anao? Tianao holazaina amin' ny mpanjaka va ianao, na amin' ny komandin' ny miaramila? Dia namaly ravehivavy hoe: Mitoetra atỳ amin' ny fireneko aho. **14** Ary hoy Elisa: Fa inona ary no hatao ho anao? Dia namaly Gehazy hoe: Tsy hitanao va fa tsy manan-janaka izy, sady efa antitra ny lahy? **15** Ary hoy Elisa: Antsoy ary izy. Ary nony nantsoiny izy, dia nitsangana teo am-baravarana. **16** Dia hoy izy: Raha mby amin' ny fotoana, raha avy ny taona toy izao, dia hitrotro zazalahy ianao. Ary hoy ravehivavy: Tsia, ry tompoko, lehilahin' Andriamanitra, aza mandainga amin' ny ankizivavinao. **17** Koa nefa nanan' anaka tokoa ravehivavy, ka nony niherina ny taona, dia tera-dahy izy tamin' ilay fotoana nolazain' i Elisa taminy. **18** Ary nony efa lehibe ny zaza, dia nankany amin' ny rainy tany amin' ny mpijinja vary izy indray andro, **19** Ary hoy izy tamin-drainy: Edrey! ny an-dohako! ny an-dohako! Ary hoy rainy tamin' ny zatovo anankiray: Ento ho any amin-dreniny izy. **20** Dia notrotroin' ilay zatovo izy ka nentiny ho any amin-dreniny, ary nampofoiny izy mandra-pitataovovonan' ny andro, dia maty. **21** Ary ravehivavy niakatra ka nampandry azy teo amin' ny fandrian' ilay lehilahin' Andriamanitra, dia narindriny ny trano, ka nivoaka izy. **22** Ary niantso ny vadiny izy ka nanao hoe: Masìna ianao, asaovy misy zatovo anankiray mankaty amiko mitondra borikivavy anankiray, fa handeha faingana ho any amin' ny lehilahin' Andriamanitra aho, dia hiverina indray. **23** Fa hoy ny lahy: Inona no hankanesanao any aminy anio, nefa tsy mba andro tsinam-bolana na Sabata tsinona izao? Ary hoy ravehivavy: Ka nahoana aza? **24** Ary ravehivavy dia nanisy lasely ny borikivavy, ka hoy izy tamin' ny zatovony: Ampandehano, izy ka mizora; aza miahotrahotra akory amin' ny fampandehananao azy, raha tsy ampijanoniko ianao. **25** Dia lasa ravehivavy nankany amin' ny lehilahin' Andriamanitra tany an-tendrombohitra Karmela. Ary raha vao tazan' ny lehilahin' Andriamanitra avy erỳ izy, dia hoy izy tamin' i Gehazy zatovony: Ilay Sonemita lahy iry; **26** masìna ianao, mihazakazaha hitsena azy, ka ataovy aminy hoe: Tsara ihany va ianao: Tsara ihany va ny vadinao? Tsara ihany va ny zazalahy? Ary hoy ny famaliny: Tsara ihany. **27** Ary rehefa tonga tany amin' ny lehilahin' Andriamanitra tany an-tendrombohitra izy, dia nandray ny tongony; fa Gehazy nanatona hampiala azy. Nefa hoy ny lehilahin' Andriamanitra: Avelao ihany izy, fa ory ny fanahiny ao anatiny, ary Jehovah efa nanafina izany tamiko, fa tsy nanambara tamiko. **28** Dia hoy ravehivavy: Moa naniry zaza taminao va aho, tompoko? Tsy hoy va aho: Aza mamitaka ahy? **29** Ary hoy izy tamin' i Gehazy: Misikìna, ary ento eny an-tananao ny tehiko, ka mandehana, raha mifanena amin' olona ianao, aza miarahaba azy; ary raha misy miarahaba anao, aza mamaly azy akory; ary apetraho eo amin' ny tavan' ny zazalahy ny tehiko. **30** Ary hoy ny renin' ny zazalahy: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, dia tsy hiala aminao mihitsy aho. Ary ilay lehilahin' Andriamanitra nitsangana ka nanaraka azy. **31** Ary Gehazy nialoha azy ka nametraka ny tehina teo amin' ny tavan' ny zazalahy; fa tsy nisy feo na faharenesana. Dia niverina nitsena azy indray izy ka nilaza taminy hoe: Tsy mahatsiaro akory ny zazalahy. **32** Ary rehefa tonga tao an-trano Elisa, indro, maty ny zazalahy sady nampandrina teo

am-pandriany. **33** Ary niditra izy, ka nirindrim-baravarana tao izy roa lahy, ary Elisa nivavaka tamin' i Jehovah. **34** Ary niakatra izy ka nandry niampatra tambonin' ny zazalahy, ka ny vavany nataony tamin' ny vavany, ary ny masony tamin' ny masony, ary ny tànany tamin' ny tànany, ka dia nafana ny tenan' ny zazalahy. **35** Dia niasa-dia tao an-trano izy ary niverina niampatra taminy indray; dia nievina impito ny zazalahy, ary nihiratra ny masony. **36** Ary Elisa niantso an' i Gehazy ka nanao hoe: Antsoy ilay Sonemita. Dia nantsoiny izy. Ary rehefa tafiditra tao aminy izy, dia hoy Elisa: Raiso ny zanakao. **37** Dia niditra ravehivavy ka niantoraka tamin' ny tongony sady niankohoka tamin' ny tany, dia nandray ny zanany izy ka lasa nivoaka. **38** Ary Elisa niverina nankany Gilgala; ary nisy mosary tamin' ny tany; ary ny zanakalahin' ny mpaminany nipetraka teo anatrehany, ka hoy izy tamin' ny zatovony: Ataovy eo an-tokoana ny vilany lehibe, ary mahandroa hanina ho an' ny zanakalahin' ny mpaminany. **39** Ary ny anankiray nivoaka tany an-tsaha hitsongo anana ka nahita voantangomboalavo maniry ho azy, dia nanangona voany iray trotroana avy amin' io; ary nony tonga izy, dia nosolatsolarany narotsany tao amin' ny vilany nisy ny hanina, fa tsy nisy nahafantatra. **40** Ka dia noloarany hohanin' ny olona izany. Ary raha mbola nihinana izy, dia nitaraina hoe: Ry lehilahin' Andriamanitra ô, misy mahafaty ao am-bilany. Ary tsy azony nohanina. **41** Fa hoy Elisa: Itondray koba. Dia narotsany tao am-bilany ny koba, ka hoy izy: Andoary amin' izao ny olona hohaniny. Ary dia tsy nisy zavatra nampaninona intsony tao am-bilany. **42** Ary nisy lehilahy avy tany Bala-salisa nitondra mofo avy amin' ny voaloham-bokatra ho an' ny lehilahin' Andriamanitra, dia mofo vary hordea roa-polo sy salohim-bary maitso tao an-kitapo. Dia hoy Elisa: Omeo ny olona hohaniny ireny. **43** Fa hoy kosa ny mpanompony: Hataoko ahoana no fametraka ity eo anoloan' ny zato lahy? Ary hoy indray Elisa: Omeo ihany ny olona hohaniny; fa izao no lazain' i Jehovah: Hihinana izy, ary mbola hisy sisa tsy lany. **44** Dia narosony teo anoloany, ka dia nihinana izy, ary mbola nisy sisa tsy lany aza araka ny tenin' i Jehovah.

5 Ary Namàna, komandin' ny miaramilan' ny mpanjakan' i Syria, dia olona lehibe teo anatrehan' ny tompony sady nanan-kaja, satria izy no namonjen' i Jehovah an' i Syria; ary lehilahy mahery izy, nefa kosa boka. **2** Ary ny Syriana nivoaka nanao an-tokony ka nitondra ny zazavavy kely anankiray babo avy tany amin' ny tanin' ny Isiraely; ary nanompo ny vadin' i Namana io. **3** Ary hoy io tamin' ny tompovaviny: Enga anie ka mba ao amin' ny mpaminany izay any Samaria ny tompoko! dia hahasitrana azy amin' ny habokany izy. **4** Ary niditra Namana ka nilaza tamin' ny tompony hoe: Izany ka izany no nolazain' ilay zazavavy izay avy tany amin' ny tanin' ny Isiraely. **5** Dia hoy ny mpanjakan' i Syria: Andeha ary mandeha, fa hampitondra taratasy ho any amin' ny mpanjakan' ny Isiraely aho. Dia lasa izy sady nitondra talenta volafotsy folo sy volamena enina arivo sekely ary akanjo im-polo miova teny an-tànany. **6** Ary izy nitondra ny taratasy ho any amin' ny mpanjakan' ny Isiraely nanao hoe: Ary raha tonga atỳ aminao ity taratasy ity, dia ho fantatrao fa efa nampandeha an' i Namàna mpanompoko aho hankatỳ aminao, koa sitrano amin' ny habokany izy. **7** Ary nony efa novakin' ny mpanjakan' ny Isiraely ny taratasy, dia nandriatra ny fitafiany izy ka nanao hoe: Andriamanitra va aho ka hahafaty na hahavelona, no anirahan' ilehiny atỳ amiko mba hahasitrana olona amin' ny habokany? Koa masìna ianareo, fantaro sy izahao fa mila ady amiko mihitsy izy. **8** Ary rehefa ren' i Elisa, lehilahin' Andriamanitra, fa nandriatra ny fitafiany ny mpanjakan' ny Isiraely, dia naniraka tany amin' ny mpanjaka izy ka nanao hoe: Nahoana no nandriatra ny fitafianao ianao? Aoka izy hankatỳ amiko, dia ho fantany fa misy mpaminany tokoa ao amin' ny Isiraely. **9** Ary dia nandeha Namàna nitondra ny soavaliny sy ny kalesiny ka nijanona teo am-baravaran' ny tranon' i Elisa. **10** Ary Elisa naniraka olona tany aminy hilaza hoe: Mandehana, mandroa impito ao Jordana, dia hody aminao indray ny nofonao, ka hadio ianao. **11** Fa tezitra Namàna, dia lasa ka nanao hoe: Indro, nataoko fa hivoaka hankatỳ amiko mihitsy izy ka hitsangana ary hiantso ny anaran' i Jehovah Andriamaniny sady hanevaheva ny tànany eo ambonin' ny aretina ka hahasitrana ny boka. **12** Tsy tsara noho ny ranon' ny Isiraely rehetra va Abana sy Farpara, onin' i Damaskosy? Tsy mahazo mandro ao amin' ireo va aho ka hadio? Dia nihodina izy ka lasa an-katezerana. **13** Dia nanatona ny mpanompony ka niteny taminy hoe: Ry ikaky ô, na dia zavatra lehibe aza no nasain' ny mpaminany ho nataonao, moa tsy mba ho nataonao va izany? koa mainka va, raha hoy izy aminao: Mandroa, dia hadio ianao? **14** Dia nidina izy ka nisitrika tao Jordana impito araka ny tenin' ny lehilahin' Andriamanitra: ary ny nofony dia tonga tahaka ny nofon-jazakely indray, ka nadio izy. **15** Ary niverina nankao amin' ny lehilahin' Andriamanitra izy mbamin' izay rehetra nanaraka azy, dia tonga tao ary nitsangana teo anatrehany ka nanao hoe: Indro, fantatro fa tsy misy Andriamanitra amin' ny tany rehetra, afa-tsy ato amin' ny Isiraely ihany koa masìna ianao, raiso ny saotra aterin' ny mpanomponao. **16** Fa hoy izy: Raha velona koa Jehovah, Izay itsanganako eo anatrehany, tsy handray mihitsy aho. Ary nanery azy handray izy; fa tsy nety Elisa. **17** Ary hoy Namana: Masìna ianao, moa tsy homena tany zakan' ny ampondra roa va izaho mpanomponao? fa ny mpanomponao tsy mba hanatitra fanatitra dorana na fanatitra hafa intsony ho an' ny andriamani-kafa, fa ho an' i Jehovah ihany. **18** Nefa ny amin' izao zavatra izao dia aoka havelan' i Jehovah ny heloky ny mpanomponao: raha ny tompoko miditra ao an-tranon-dRimona hiankohoka ao ary mitehina amin' ny tanako, ka mba miankohoka ao an-tranon-dRimona aho, raha miankohoka ao aho, Jehovah anie hamela ny heloky ny mpanomponao amin' izany zavatra izany. **19** Ary hoy izy taminy: Mandehana soa aman-tsara. Ary dia niala taminy izy ka lasa lavidavitra. **20** Fa hoy Gehazy, zatovon' i Elisa, lehilahin' Andriamanitra: Indro, ny tompoko namela fotsiny ity Namàna Syriana ity ka tsy nandray tamin' ny tànany izay zavatra nentiny, fa raha velona koa Jehovah, dia hihazakazaka hanaraka azy aho ka handray zavatra aminy. **21** Ka dia lasa Gehazy nanaraka an' i Namàna Ary nony tazan' i Namàna avy

mihazakazaka manaraka azy izy, dia niala faingana tamin' ny kalesy hitsena azy izy ka nanao hoe: Tsara ihany va? **22** Ary hoy izy: Tsara ihany; kanefa ny tompoko naniraka ahy hilaza hoe: Indro ankehitriny misy zatovo roa lahy amin' ny zanaky ny mpaminany tonga atỳ amiko avy any amin' ny tany havoan' i Efraima; koa masìna ianao, omeo talenta volafotsy sy fitafiana indroa miova izy. **23** Ary hoy Namàna: Aoka handray talenta roa ianao. Ary nanery azy izy sady namehy talenta volafotsy roa tao anaty kitapo roa mbamin' ny fitafiana indroa miova, ka nampitondrainy ny zatovony roa lahy izany; ary nitondra izany teo alohany ireo. **24** Fa nony tonga tao amin' ny havoana izy, dia nalainy teny an-tànany izany ka napetrany tao an-trano; dia nampandehaniny ireo, ka dia lasa izy. **25** Fa Gehazy kosa niditra ka nitsangana teo anatrehan' ny tompony. Ary hoy Elisa taminy: Avy taiza ianao, ry Gehazy? Dia hoy izy: Tsy avy taiza tsy avy taiza ny mpanomponao. **26** Fa hoy kosa Elisa taminy: Tsy niaraka taminao ihany va ny foko tamin' ilay nihodina niala tamin' ny kalesy hitsena anao ralehilahy? Moa andro fandraisam-bola, na fandraisana fitafiana, na tanin' oliva, na tanim-boaloboka, na ondry aman' osy, na omby, na ankizilahy, na ankizivavy va izao? **27** Koa ny habokan' i Namàna dia hiraikitra aminao sy ny taranakao mandrakizay. Ary niala teo anatrehany izy ka, indro, boka fotsy toy ny oram-panala.

6 Ary hoy ireo zanaky ny mpaminany tamin' i Elisa: Indro, tsy omby anay ny toerana izay itoeranay eto aminao. **2** Masìna ianao, aoka hankany Jordana izahay, ka samy haka hazo iray avy any, dia hanao trano ho anay any mba hitoeranay. Ary hoy izy: mandehana ary ianareo. **3** Fa hoy ny anankiray: Masìna ianao, aoka mba hiaraka amin' ny mpanomponao ho any koa ianao. Ary izy namaly hoe: Handeha ihany aho. **4** Ka dia niaraka taminy izy. Ary nony tonga tany Jordana ireo, dia nikapa hazo. **5** Fa nony nikapa hazo ny anankiray, dia latsaka tany anaty rano ny lela-famaky; ka dia nitaraina hoe izy: Indrisy, tompoko, nindramina iny. **6** Ary hoy ny lehilahin' Andriamanitra: Taiza no nahalatsahany? Dia natorony azy izay nahalatsahany. Ary Elisa nanapaka hazo, ka natsipiny teo, dia nitsinkafona ilay lela-famaky. **7** Ary hoy izy: Indro, raisonao izy. Dia narosony ny tànany, ka noraisiny. **8** Ary ny mpanjakan' i Syria niady tamin' ny Isiraely ka nilaza tamin' ny mpanompony hoe: Any Anonana no hitobiako. **9** Ary ilay lehilahin' Andriamanitra kosa naniraka tany amin' ny mpanjakan' ny Isiraely nanao hoe: Tandremo fandrao mankany Ananona ianao; fa any no hidinan' ny Syriana. **10** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely naniraka tany amin' izay nolazain' ny lehilahin' Andriamanitra taminy sy nananarany azy, ka nampiambina tany tsy indray mandeha, na indroa aza. **11** Dia sosotra indrindra ny fon' ny mpanjakan' i Syria noho izany zavatra izany; koa niantso ny mpanompony izy ary nanao taminy hoe: Tsy hambaranareo ahy va izay eto amintsika momba ny mpanjakan' ny Isiraely? **12** Ary hoy ny mpanompony anankiray: Tsy misy, ry mpanjaka tompoko; fa Elisa mpaminany ao amin' ny Isiraely ihany no milaza amin' ny mpanjakan' ny Isiraely na dia izay teny lazainao ao amin' ny trano fandrianao aza. **13** Ary hoy ny mpanjaka: Andeha, izahao izay itoerany mba hanirahako hisambotra azy. Ary nolazaina taminy hoe: Indro, ao Dotana izy. **14** Ary dia nampandeha soavaly sy kalesy ary miaramila be ho any izy; ka tonga alina ireo ary nanodidina ny tanàna. **15** Ary rehefa nifoha maraina koa ny zatovon' ny lehilahin' Andriamanitra ka nivoaka, dia, indreo, nisy miaramila sy soavaly ary kalesy manodidina ny tanàna. Dia hoy ilay zatovo taminy: Indrisy, tompoko! Ahoana no hataontsika? **16** Ary hoy Elisa: Aza matahotra; fa ny momba antsika dia be noho ny momba azy. **17** Ary Elisa nivavaka hoe: Jehovah ô, mifona aminao aho, ampahirato ny masony mba hahitany. Ary Jehovah nampahiratra ny mason' ilay zatovo; ary dia nahita izy, ka, indro, ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo manodidina an' i Elisa. **18** Dia nidina nankany aminy ireo, ary Elisa nivavaka tamin' i Jehovah ka nanao hoe: Mifona aminao aho, ataovy manjambena ireto olona ireto. Ary dia nataony manjambena ireo araka ny tenin' i Elisa. **19** Ary hoy Elisa taminy: Tsy ity no lalana, ary tsy ity no tanàna; fa manaraha ahy ianareo, dia hitondra anareo ho any amin' ny lehilahy tadiavinareo aho. Dia nentiny nankany Samaria ireo. **20** Ary rehefa tonga tany Samaria izy ireo, dia hoy Elisa: Jehovah ô, ampahirato ny mason' ireto mba hahitany. Ary Jehovah nampahiratra ny masony, dia nahita izy; ka, indro, tao afovoan' i Samaria izy. **21** Ary nony nahita azy ny mpanjakan' ny Isiraely, dia hoy izy tamin' i Elisa: Ry ikaky ô, hasiako va izy? Hasiako va izy? **22** Fa izy namaly hoe: Aza asianao izy; moa asianao izay nobaboinao tamin' ny sabatrao sy ny tsipìkanao? Rosoy mofo sy rano eo anoloany mba hohaniny sy hosotroiny ary handehanany any amin' ny tompony. **23** Dia nanao fanasana lehibe ho azy ny mpanjaka; ary rehefa nihinana sy nisotro ireo, dia nampandehaniny, ary dia nankany amin' ny tompony izy. Koa dia tsy nankany amin' ny tanin' ny Isiraely intsony ny mpitoha adin' i Syria. **24** Ary rehefa afaka izany, Beni-hadada, mpanjakan' i Syria, namory ny miaramilany rehetra, dia niakatra ka nanao fahirano an' i Samaria. **25** Dia nisy mosary mafy tany Samaria; fa indro, nanao fahirano azy ireo mandra-pahatongan' ny loham-boriky ho lafo sekely valo-polo sy ny taim-boromailala ampahefatry ny kaba ho sekely dimy. **26** Ary raha nitsangantsangana teny ambonin' ny manda ny mpanjakan' ny Isiraely, dia nisy vehivavy nitaraina taminy hoe: Vonjeo aho, ry mpanjaka tompoko. **27** Ary hoy ny mpanjaka: Raha tsy vonjen' i Jehovah ianao, aiza no hamonjeko anao? Amin' ny famoloana va, sa amin' ny famiazam-boaloboka? **28** Ary hoy koa ny mpanjaka taminy: Inona ary no alahelonao? Ary ravehivavy namaly hoe: Hoy ity vehivavy ity tamiko: Aiza ny zanakao hohanintsika anio, ary ny zanako kosa hohanintsika rahampitso. **29** Ka dia nandrahoinay ny zanako ka nohaninay; ary nony ampitso, dia hoy izaho taminy: Aiza kosa ny zanakao mba hohanintsika? kanjo nafeniny ny zanany. **30** Ary nony nandre ny tenin-dravehivavy ny mpanjaka, dia nandriatra ny fitafiany; ary nitsangantsangana teny ambonin' ny manda izy, ka hitan' ny olona fa, indro lamba fisaonana no nataony manolo-koditra. **31** Dia hoy izy: Hataon' Andriamanitra

amiko anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha tsy hotapahina anio ny lohan' i Elisa, zanak' i Safata. **32** Fa Elisa nipetraka tao an-tranony, ary ny loholona nipetraka tao aminy; ary ny mpanjaka naniraka olona avy teo aminy; fa raha tsy mbola tonga tany amin' i Elisa iny iraka iny, dia hoy izy tamin' ny loholona: Hitanareo va ny nanirahan' ity zanaky ny mpamono olona ity hanapaka ny lohako? Izahao, ka raha avy ny iraka, dia arindrino ny varavarana, ary atoseho mafy hisakana azy; tsy eo aoriany koa va ny fingadongadon' ny tongotry ny tompony? **33** Ary raha mbola niresaka taminy izy, indro, nidina nankao aminy ny iraka ka nanao hoe: Indro, izao loza izao avy amin' i Jehovah; ka inona intsony no anantenako an' i Jehovah?

7 Fa hoy kosa Elisa: Mihainoa ny tenin' i Jehovah ianareo: Izao no lazain' i Jehovah: Rahampitso toy izao dia ho sekely iray ny vidin' ny koba tsara toto eran' ny famarana, ary ho sekely iray koa ny vidin' ny vary hordea indroan' ny famarana ao am-bavahadin' i Samaria. **2** Fa namaly ny lehilahin' Andriamanitra ilay mpanafika malaza izay nitehenan' ny mpanjaka tamin' ny tànany ka nanao hoe: Indro, na dia hanao varavarankely amin' ny lanitra aza Jehovah, dia hisy izany zavatra izany va? Ary hoy Elisa: Indro, ho hitan' ny masonao indrindra izany, nefa tsy mba hihinananao. **3** Ary nisy boka efa-dahy teo anoloan' ny vavahady nifampiresaka hoe: Ahoana no ipetrahantsika foana eto mandra-pahafatintsika? **4** Raha hoy isika: Hankato an-tanàna isika, dia misy mosary ao an-tanàna, ka ho faty ao isika; ary raha hipetraka eto isika, dia ho faty ihany koa. Koa andeha isika hankany amin-ny tobin' ny Syriana; ka raha mamelona antsika moa izy, dia ho velona isika; fa raha mamono antsika kosa izy, dia ho faty ihany isika. **5** Dia niainga izy rehefa takariva hankany amin' ny tobin' ny Syriana; ary nony tonga teny an-tsisin' ny toby izy, indro, tsy nisy olona akory tao. **6** Fa Jehovah efa nampandre ny miaramilan' ny Syriana ny fikodiadian-kalesy sy ny fandehan' ny soavaly, dia ny firodondrodon' ny miaramila be; ary niresaka hoe izy: Injao, fa ny mpanjakan' ny Isiraely efa nanamby ny mpanjakan' ny Hetita sy ny mpanjakan' ny Egyptiana hiady amintsika. **7** Dia niainga izy ka riatra nandositra tamin' iny takariva iny ihany, ary nilaozany fotsiny ny tobiny, dia ny lainy sy ny soavaliny ary ny borikiny, ka lasa nandositra hamonjy ny ainy izy. **8** Ary rehefa tonga teny an-tsisin' ny toby ireo boka ireo, dia niditra tao amin' ny lay anankiray lzy ka nihinana sy nisotro, dia naka volafotsy sy volamena ary fitafiana, dia nandeha ka nanafina izany; ary nandeha indray izy ka niditra tao amin' ny lay anankiray koa sady naka avy tao, dia nandeha ka nanafina izany koa. **9** Dia nifampilaza hoe izy: Tsy mety izao ataontsika izao; ity andro ity dia andro filazana ny mahafaly, nefa mangìna isika; raha hitoetra eto mandra-pahamarain' ny andro isika, dia hanan-keloka; fa andeha isika hilaza ao an-tranon' ny mpanjaka. **10** Dia avy izy ka niantso ny mpiambina ny vavahadin-tanàna ary nilaza taminy hoe: Tonga tany an-tobin' ny Syriana izahay, ary indro fa tsy misy olona ao, na feon' olona akory aza, fa soavaly mifatotra sy boriky mifatotra, ary ny lay nilaozana fotsiny. **11** Ary niantso ny mpiambina ny vavahady izy, ary ireo kosa nilaza izany tao an-tranon' ny mpanjaka. **12** Ary ny mpanjaka nifoha raha mbola alina ka niteny tamin' ny mpanompony hoe: Aoka hambarako aminareo ange izao ataon' ny Syriana amintsika izao e! Fantany fa mosarena isika, ka dia niala tamin' ny toby izy mba hanotrika any an-tsaha ka nanao hoe: Raha mivoaka avy any an-tanàna izy dia hataontsika sambo-belona, ary dia hidirantsika ny tanàna. **13** Ary ny mpanompony anankiray namaly hoe: Mifona aminao aho, aoka hangalana soavaly dimy amin' izay sisa ato an-tanàna (indro toy ny hamaroan' ny Isiraely rehetra izay mitoetra ato ireo; eny, tahaka ny hamaroan' ny Isiraely rehetra izay efa lany ritra ireo) ka haniraka hizaha izany. **14** Dia nalainy ny soavalin' ny kalesy roa; ary ny mpanjaka naniraka hanaraka ny miaramilan' ny Syriana ka nanao hoe: Mandehana, ka izahao. **15** Dia nandeha nanaraka azy hatrany Jordana ireo; ary, indreny, ny lalambe rehetra feno fitafiana sy fanaka izay efa narian' ny Syriana, raha nandositra tamin' ny fahatairana izy. Ary ny iraka niverina ka nilaza tamin' ny mpanjaka. **16** Dia nivoaka ny olona ka namabo ny tobin' ny Syriana. Koa ny koba tsara toto eran' ny famarana, dia sekely iray monja no vidiny, ary ny vary hordea indroan' ny famarana, dia sekely iray ihany koa ny vidiny, araka ny tenin' i Jehovah. **17** Ary ilay mpanafika malaza izay nitehenan' ny mpanjaka tamin' ny tànany dia notendreny hiambina ny vavahady; ary voahitsaka teo am-bavahady izy, ka dia maty araka izay nolazain' ny lehilahin' Andriamanitra, dia ilay nolazainy, raha nidina tany aminy ny mpanjaka. **18** Koa dia tanteraka ilay teny nolazain' ny lehilahin' Andriamanitra tamin' ny mpanjaka hoe: Raha, maraina toy izao ao am-bavahadin' i Samaria dia sekely iray monja no ho vidin' ny vary hordea indroan' ny famarana, ary ho sekely iray ihany koa ny vidin' ny koba tsara toto eran' ny famarana; **19** ka izany mpanafika malaza izany no namaly ilay lehilahin' Andriamanitra hoe: Indro, na dia hanao varavarankely amin' ny lanitra aza Jehovah, dia hisy izany zavatra izany va? Fa hoy Elisa: Indro, ho hitan' ny masonao indrindra izany, fa tsy mba hihinananao. **20** Ary dia toy izany no nanjo azy, fa ny olona nanitsaka azy teo am-bavahady, ka dia maty izy.

8 Ary Elisa efa niteny tamin-dravehivavy, renin' ilay zaza maty novelominy, ka nanao hoe: Miaingà, ka mandehana ianao sy ny ankohonanao, ary mivahinia any amin' izay azonao hivahiniana; fa Jehovah efa niantso ny mosary, sady efa ho tonga izany ka haharitra fito taona amin' ny tany. **2** Dia niainga ravehivavy ka nanao araka ny tenin' ilay lehilahin' Andriamanitra; eny, lasa izy sy ny ankohonany ka nivahiny fito taona tany amin' ny tanin' ny Filistina. **3** Ary nony afaka ny fito taona, dia nody avy tany amin' ny tanin' ny Filistina ravehivavy; ary lasa nitaraina tamin' ny mpanjaka izy ny amin' ny tranony sy ny taniny. **4** Ary ny mpanjaka niteny tamin' i Gehazy, zatovon' ny lehilahin' Andriamanitra, hoe: Masìna ianao, lazao amiko izay zava-dehibe rehetra nataon' i Elisa. **5** Ary raha mbola nilazalaza tamin' ny mpanjaka ny amin' ny nameloman' i Elisa ny maty izy dia, indro, ilay vehivavy renin' ny zaza maty novelominy, nitaraina tamin'

ny mpanjaka ny amin' ny tranony sy ny taniny. Ary hoy Gehazy: Ry mpanjaka tompoko ô, ity ilay vehivavy, ary io koa ilay zanany maty novelomin' i Elisa. **6** Ary nony nanontanian' ny mpanjaka ravehivavy, dia nilaza. Ary dia notendren' ny mpanjaka ny tandapa anankiray ka nomeny teny hoe: Avereno izay azy rehetra, ary onero ny vokatry ny taniny rehetra hatramin' ny andro nialany tamin' ny tany ka mandraka ankehitriny. **7** Ary Elisa tonga tany Damaskosy tamin' i Beni-hadada, mpanjakan' i Syria, narary; ary nisy nanambara taminy hoe: Indro, tonga atỳ ny lehilahin' Andriamanitra. **8** Dia hoy ny mpanjaka tamin' i Hazaela: Mitondrà fanomezana eny an-tananao, ka mandehana, mitsenà ilay lehilahin' Andriamanitra, ary manontania izay tenin' i Jehovah aminy ka ataovy hoe: Ho sitrana ihany va aho amin' izao aretiko izao? **9** Dia lasa Hazaela nitsena azy sady nitondra fanomezana tamin' izay zava-tsoa rehetra any Damaskosy, dia entana entin-drameva efa-polo; ary tonga izy ka nitsangana teo anatrehany ary nanao hoe: Beni-hadada zanakao, mpanjakan' i Syria, no naniraka ahy ho atỳ aminao hanontany hoe: Ho sitrana ihany va aho amin' izao aretiko izao? **10** Ary hoy Elisa taminy: Mandehana, ka lazao aminy hoe: Eny, ho sitrana tokoa ianao. Kanefa Jehovah efa naneho ahy fa ho faty tokoa izy. **11** Ary nibanjina azy mandra-pikaodikaodiny izy; ary dia nitomany ny lehilahin' Andriamanitra. **12** Ary hoy Hazaela: Nahoana no mitomany ianao, tompoko? Ary izy namaly hoe: Satria fantatro izay ratsy hataonao amin' ny Zanak' Isiraely: ny fiarovany mafy hodoranao, ny zatovony hovonoinao amin' ny sabatra, ny zanany madinika hotorotoroinao, ary izay bevohoka eo aminy hotatahanao. **13** Fa hoy Hazaela: Fa zinona moa ny mpanomponao, dia ity alika ity, no dia hahavita izany zavatra lehibe izany? Fa Elisa namaly hoe: Efa nasehon' i Jehovah tamiko fa, indro, ianao ho mpanjakan' i Syria. **14** Dia niala tamin' i Elisa izy ka nankany amin' ny tompony; ary izy nanontany azy hoe: Ahoana no nolazain' i Elisa taminao? Dia namaly hoe izy: Nolazainy tamiko fa ho velona tokoa ianao. **15** Ary nony ampitso, dia nalain' i Hazaela ny lamba firakotra ka natsobony tamin' ny rano ary nasarony ny tavan' i Beni-hadada, ka dia maty izy; ary Hazaela no nanjaka nandimby azy. **16** Ary tamin' ny taona fahadimy nanjakan' i Jorama, zanak' i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely, no vao nanjakan' i Jehorama, zanak' i Josafata, mpanjakan' ny Joda, tamin' ny nanjakan' i Josafata tany Joda. **17** Roa amby telo-polo taona izy, fony vao nanjaka, ary valo taona no nanjakany tany Jerosalema. **18** Ary nandeha tamin' ny lalan' ny mpanjakan' ny Isiraely izy, dia tahaka ny nataon' ny taranak' i Ahaba, fa ny zanakavavin' i Ahaba no vadiny, eny, nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy. **19** Nefa Jehovah tsy nety nandringana ny Joda noho ny amin' i Davida mpanompony, araka ilay nolazainy taminy fa homeny jiro mandrakizay ho an' ny taranany. **20** Tamin' ny androny no niodinan' i Edoma ka tsy nanoa ny Joda, fa nanangana mpanjaka ho azy; **21** ka dia nankany Zaïra Jehorama, ary ny kalesy rehetra nentiny hiaraka aminy; ary nanaovany latsak' alina ny Edomita, izay nanodidina azy, mbamin' ny komandin' ny kalesy; ary ny olona nandositra nody. **22** Ary Edoma mbola niodina ka tsy nanoa ny Joda mandraka androany. Ary Libna koa dia niodina tamin' izany andro izany. **23** Ary ny tantaran' i Jehorama sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va? **24** Ary Jehorama lasa nodimandry any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny razany tao an-tanànan' i Davida; ary Ahazia zanany no nanjaka nandimby azy. **25** Ary tamin' ny taona faharoa ambin' ny folo nanjakan' i Jorama, zanak' i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely, no vao nanjakan' i Ahazia, zanak' i Jehorama, mpanjakan' ny Joda, **26** Roa amby roa-polo taona Ahazia, fony izy vao nanjaka, ary herintaona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Atalia, zanakavavin' i Omry, mpanjakan' ny Isiraely. **27** Ary nandeha tamin' ny lalan' ny taranak' i Ahaba izy, ka nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah tahaka ny nataon' ny taranak' i Ahaba, fa vinanton' ny taranak' i Ahaba ihany izy. **28** Ary niaraka tamin' i Jorama, zanak' i Ahaba, izy mba hiady amin' i Hazaela, mpanjakan' i Syria, tany Ramota-gileada; ary ny Syriana nahavoa an' i Jorama. **29** Dia niverina Jorama mpanjaka mba hotsaboina tao Jezirela amin' ny feriny tamin' ny nahavoazan' ny Syriana azy tao Rama, fony izy niady tamin' i Hazaela, mpanjakan' i Syria. Ary Ahazia, zanak' i Jehorama, mpanjakan' ny Joda, nidina hamangy an' i Jorama, zanak' i Ahaba, teo Jezirela, satria narary izy.

9 Ary Elisa mpaminany niantso ny anankiray tamin' ny zanakalahin' ny mpaminany ka nanao taminy hoe: Misikìna, dia ento eny an-tananao ity tavoara feno diloilo ity, ka mankanesa any Ramota-gileada; **2** ary rehefa mby any ianao, dia izahao Jeho, zanak' i Josafata, zanak' i Nimsy, ary midìra, ka manaingà azy hiala amin' ny namany, ary ento any amin' ny efi-trano anatiny izy; **3** ary raiso ny tavoara feno diloilo, ka aidino amin' ny lohany, dia lazao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Efa nanosotra anao ho mpanjakan' ny Isiraely Aho. Dia vohay ny varavarana, ka mandosira, fa aza mijanona. **4** Ary nandeha ilay zatovo, dia ilay zatovon' ny mpaminany, nankany Ramota-gileada. **5** Ary nony mby tany izy, indreo, nipetraka teo ny mpifehy ny miaramila; ary hoy izy: Ry komandy ô, mitondra teny ho aminao aho. Ary hoy Jeho: Amin' iza aminay ireto moa? Ary hoy izy: Aminao, ry komandy ô. **6** Ary nitsangana izy ka niditra tao an-trano, dia naidiny tamin' ny lohany ny diloilo; ary hoy izy taminy: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Efa nanosotra anao Aho ho mpanjakan' ny Isiraely oloko. **7** Ary hamely ny tamingan' i Ahaba tomponao ianao, mba hampanodiaviko an' i Jezebela ny ran' ny mpaminany mpanompoko sy ny ran' ny mpanompon' i Jehovah rehetra. **8** Eny, ho fongotra ny taranak' i Ahaba rehetra; ary haringako avokoa ny lehilahy rehetra amin' ny tamingany, na ny voahazona na ny afaka eo amin' ny Isiraely; **9** Ary ny taranak' i Ahaba hataoko tahaka ny taranak' i Jeroboama, zanak' i Nebata, sy tahaka ny taranak' i Basa, zanak' i Ahia; **10** Ary Jezebela hohanin' ny alika ao amin' ny tany Jezirela, ka tsy hisy handevina azy. Dia namoha ny varavarana ilay zatovo ka lasa nandositra. **11** Ary Jeho nivoaka nankao amin' ny mpanompon' ny

tompony ary nanontaniany hoe: Raharaha tsara ihany va? Inona no nalehan' iny ilay adala iny tao aminao? Ary hoy izy taminy: Hianareo mahalala ihany an-dralehilahy sy ny heviny. **12** Fa hoy ireo: Lainga foana izany; fa ambarao aminay. Dia hoy izy: Izao ka izao no nolazainy tamiko: Izao ny lazain' i Jehovah: Efa nanosotra anao ho mpanjakan' ny Isiraely Aho. **13** Dia samy nandray faingana ny lambany avy izy ireo ka namelatra azy hitoeran' i Jeho teo amin' ny ambaratonga, ary nitsoka ny anjomara izy niantso hoe: Jeho no mpanjaka. **14** Ary Jeho, zanak' i Josafata, zanak' i Nimsy, nikomy tamin' i Jorama (fa Jorama mbamin' ny Isiraely rehetra niaro an' i Ramota-gileada noho ny fananihan' i Hazaela, mpanjakan' i Syria, azy; **15** Nefa Jorama mpanjaka efa niverina hotsaboina tao Jezirela amin' ny feriny tamin' ny nahavoazan' ny Syriana azy, fony izy niady tamin' i Hazaela, mpanjakan' i Syria), ka dia hoy Jeho; Raha izany ary no sitrakareo, aza avela hisy hiala eto an-tanàna handeha hilaza izany any Jezirela. **16** Dia niakatra teo amin' ny kalesy Jeho ka nankany Jezirela, fa tany no nitoeran' i Jorama. Ary Ahazia, mpanjakan' ny Joda, efa nidina hamangy an' i Jorama. **17** Ary ny mpitily mitsangana teo an-tampon' ny tilikambo teo Jezirela ka nahatazana fa indrery olona betsaka tamy niaraka amin' i Jeho, ary hoy izy: Mahita olona betsaka aho. Ary hoy Jorama: Makà mpitaingin-tsoavaly, ka maniraha hitsena azy, ary asaovy manao hoe: Fihavanana va? **18** Dia nandeha ny mpitaingin-tsoavaly anankiray hitsena azy ka nanao taminy hoe: Izao no tenin' ny mpanjaka: Fihavanana va? Ary hoy Jeho: Ahoanao izay fihavanana? fa mankanesa ato aoriako ianao. Ary ny mpitily nilaza hoe: Ny iraka dia tonga teny aminy, nefa tsy niverina. **19** Dia naniraka mpitaingin-tsoavaly fanindroany Jorama, ary nony tonga teny koa izy, dia nanao hoe: Izao no tenin' ny mpanjaka: Fihavanana va? Ary Jeho namaly hoe: Ahoanao izay fihavanana? fa mankanesa ato aoriako ianao. **20** Ary ny mpitily nilaza indray hoe: Tonga teny aminy koa iny, fa tsy niverina; ary ny fampiriotrany dia hoatra ny fampiriotran' i Jeho, zanak' i Nimsy; fa mampiriotra hoatra ny olona adala izy. **21** Ary hoy Jorama: Ampiomany. Dia nampiomaniny ny kalesiny. Dia nivoaka Jorama, mpanjakan' ny Isiraely, sy Ahazia, mpanjakan' ny Joda, samy nitsangana teo amin' ny kalesiny avy ka nandeha hitsena an' i Jeho, ary nifanena taminy teo amin' ny tanin' i Nabota Jezirelita izy. **22** Ary Jorama, nony nahita an' i Jeho, dia nanao hoe: Fihavanana va, ry Jeho? Fa izy namaly hoe: Aiza no hisy fihavanana, raha mbola ao ihany ny fijangajangan' i Jezebela reninao sy ny fankatovana betsaka ataony? **23** Ary Jorama nampihodina ka nandositra sady niteny tamin' i Ahazia hoe: Misy fitaka, ry Ahazia. **24** Ary nohenjanin' i Jeho mafy ny tsipìka teny an-tànany, dia nitifitra an' i Jorama izy ka nahavoa azy teo anelanelan' ny sorony, ary ny zana-tsipìka niboroaka tamin' ny fony, ka dia nampianjera azy tao anatin' ny kalesiny. **25** Ary hoy Jeho tamin' i Bidkara lefiny: Betao izy, ka atsipazo ao amin' ny sahan' i Nabota Jezirelita; fa tsarovy fa fony izaho sy ianao samy nitaingina kalesy nanaraka an' i Ahaba rainy, dia nolazain' i Jehovah fa hihatra aminy izao loza voalaza izao hoe: **26** Efa hitako tokoa omaly ny ran' i Nabota sy ny ran' ny zanany, hoy Jehovah, ary Izaho hamaly anao eto amin' ity tany ity, hoy Jehovah. Koa betao izy, ka atsipazo amin' io tany io araka ny tenin' i Jehovah. **27** Ary nony hitan' i Ahazia, mpanjakan' ny Joda, izany, dia nandositra tamin' ny lalana mankamin' ny trano ao anatin' ny saha izy. Ary Jeho nanaraka azy ka nanao hoe: Indry, asio koa iny; dia nasiany teo anatin' ny kalesiny teo amin' ny fiakarana ho any Gora, izay eo anilan' i Jibleama, izy. Ary nandositra nankany Megido Ahazia ka maty teo. **28** Ary ny mpanompony nitondra azy tamin' ny kalesiny ho any Jerosalema ka nandevina azy tao am-pasany ao amin' ny razany tao an-tanànan' i Davida. **29** Ary tamin' ny taona fahiraika ambin' ny folo nanjakan' i Jorama, zanak' i Ahaba, no vao nanjakan' i Ahazia tamin' ny tany Joda. **30** Dia tonga tany Jezirela Jeho; ary nony nandre izany Jezebela, dia nohosorany loko mainty ny masony, sady noravahany ny lohany, dia nitsidika teo am-baravarankely izy. **31** Ary nony niditra teo am-bavahady Jeho, dia hoy Jezebela: Fihavanana va, ry Zimry, mpamono tompo? **32** Ary niandrandra ny varavaran-kely Jeho ka nanao hoe: Iza aminareo ireo no momba ahy? Iza? Ary nisy tandapa roa na telo teo nitsirika azy. **33** Ary hoy Izy: Azerao io vehivavy io. Dia nazerany izy; ka nisy nipitipitika tamin' ny rindrin-trano sy ny soavaly ny ràny; ka dia nohitsahin' i Jeho izy. **34** Dia niditra tao an-trano Jeho ka nihinana sy nisotro, ary dia nilaza hoe: Mandehana, Izahao ilay vehivavy voaozona, ka aleveno, fa zanakavavin' ny mpanjaka izy. **35** Koa dia lasa ireo handevina azy; nefa tsy nisy tratrany teo afa-tsy ny karan-dohany sy ny tongony ary ny felatanany ihany. **36** Ary niverina ireo ka nanambara taminy. Ary hoy Jeho: Araka ny tenin' i Jehovah izany, dia ilay nampilazainy an' i Elia Tisbita mpanompony hoe: Ao amin' ny tany Jezirela no hihinanan' ny alika ny nofon' i Jezebela, **37** Ary ny fatiny ho toy ny zezika any an-tsaha, ny amin' ny tany Jezirela, ka tsy hisy hahazo milaza hoe Jezebela ity.

10 Ary nisy zanak' i Ahaba fito-polo lahy tany Samaria. Ary Jeho nanoratra taratasy ka nampitondra iny ho any Samaria any amin' ny mpanapaka any Jezirela dia ho any amin' ny loholona sy ny mpitaiza ny zanak' i Ahaba nanao hoe: **2** Ary raha tonga atỳ aminareo ity taratasy ity (fa ao aminareo ny zanakalahin' ny tomponareo, ary ao aminareo ny kalesy sy ny soavaly sy ny tanàna mimanda ary ny fiadiana), **3** dia izahao izay tsara sy mendrika indrindra amin' ny zanakalahin' ny tomponareo, ary apetraho amin' ny seza fiandrianan-drainy izy, ka miadia ary ho an' ny mpianakavin' ny tomponareo. **4** Dia raikitahotra indrindra ireo ka nifampilaza hoe: Indro ny mpanjaka roa aza tsy nahajanona teo anatrehany, ka hataontsika ahoana no fahajanona? **5** Ary ny lehiben' ny tandapa sy ny mpanapaka ny tanana ary ny loholona koa sy ireo mpitaiza naniraka tany amin' i Jeho nanao hoe: Mpanomponao izahay, koa izay rehetra andidianao anay dia hataonay; tsy hanangana andriana izahay, fa izay sitraky ny fonao ihany no ataovy. **6** Dia nanoratra taratasy taminy indray Jeho nanao hoe: Raha ahy ary ianareo ka hankatò ny teniko, dia tapaho ny lohan' ireo zanakalahin' ny tomponareo, ary mankanesa atỳ

amiko atỳ Jezirela rahampitso toy izao. Ary izy fito-polo lahy zanaky ny mpanjaka dia tao amin' ireo lehiben' ny tanàna, mpitaiza azy. **7** Ary nony efa tonga tany amin' ireo ny taratasy, dia naka ny zanakalahin' ny mpanjaka izy ka namono azy fito-polo lahy, ary nataony tao an-tsobiky ny lohany ka nateriny tany amin' i Jeho tany Jezirela. **8** Ary tonga ny iraka ka nanambara taminy hoe: Indro, efa nitondra ny lohan' ny zanakalahin' ny mpanjaka izy. Ary hoy Jeho: Ampifanongoavy ho roa toko eo anoloan' ny vavahady mandra-pahamarain' ny andro. **9** Ary nony maraina, dia nivoaka Jeho ary nitsangana ka nanao tamin' ny vahoaka rehetra hoe: Marina ianareo, indro, izaho nikomy tamin' ny tompoko ka nahafaty azy; fa iza kosa no nahafaty ireto rehetra ireto? **10** Aoka ho fantatrareo ary fa tsy hisy raraka an-tany ny tenin' i Jehovah izay nolazainy ny amin' ny taranak' i Ahaba; fa Jehovah efa nanao izay nampilazainy an' i Elia mpanompony. **11** Ka dia novonoin' i Jeho izay sisa rehetra tamin' ny taranak' i Ahaba tao Jezirela sy ny olom-baventy rehetra tao aminy mbamin' ny havany ary ny mpisorony koa, ambara-paha-tsy hisy miangana na dia iray akory aza. **12** Dia niainga izy ka nankany Samaria. Ary nony mby tany an-trano fivorian' ny mpiandry ondry tany andalana Jeho, **13** dia nifanena amin' ny rahalahin' i Ahazia, mpanjakan' ny Joda, izy ka nanao hoe: Iza ange ianareo? Ary izy ireo namaly hoe: Rahalahin' i Ahazia izahay ary midìna mba hamangy ny zanakalahin' ny mpanjaka sy ny zanakalahin' ny andriambavy. **14** Ary hoy Jeho: Sambory velona ireo. Dia nosamboriny ka novonoiny teo akaikin' ny lavaka famorian-drano tao an-trano fivoriana izy roa amby efa-polo lahy ireo, ary tsy nasiany miangana na dia iray akory aza. **15** Ary rehefa niala teo Jeho, dia nahita an' i Jonadaba, zanakalahin' i Rekaba, avy manatona azy; dia niarahaba azy izy ary nanao taminy hoe: Marina va ny fonao tahaka ny foko amin' ny fonao? Ary Jonadaba namaly hoe: Eny. Raha izany ary no izy, hoy Jeho, dia aoka isika hifandray tanana. Dia natolony ny tànany, ka nampiakarin' i Jeho ho eo aminy teo anatin' ny kalesy izy. **16** Ary hoy Jeho: Andeha hiaraka amiko, ka izahao ny zotom-poko ho an' i Jehovah. Dia nentina teo amin' ny kalesy izy. **17** Ary rehefa tonga tany Samaria Jeho, dia namono izay sisa rehetra tamin' ny tamingan' i Ahaba tany Samaria mandrapaharingany, araka ny tenin' i Jehovah izay nolazainy tamin' i Elia. **18** Ary Jeho namory ny vahoaka rehetra ka nanao taminy hoe: Ahaba nanompo an' i Bala kelikely ihany, fa Jeho no hanompo azy fatratra. **19** Koa ankehitriny vorio ho atỳ amiko ny mpaminanin' i Bala rehetra, ny mpanompony rehetra sy ny mpisorony rehetra; aza avela hisy tsy ho tonga na dia iray akory aza; fa hamono zavatra betsaka ho fanatitra ho an' i Bala aho; koa na iza na iza tsy ho tonga, dia tsy hovelomina izy. Kanjo Jeho nanao izany ho fihendrena handringanany ny mpanompon' i Bala. **20** Ary hoy Jeho: Manendre fivoriana masìna ho an' i Bala. Koa dia nanendry andro izy. **21** Ary Jeho naniraka tany amin' ny Isiraely rehetra, ary dia tonga ny mpanompon' i Bala rehetra, ka tsy nisy lehilahy tsy tonga teo na dia iray akory aza. Ary dia niditra tao an-tranon' i Bala ireo, ka feno hika ny trano. **22** Dia hoy Jeho tamin' ny mpitahiry ny fitafiana: Amoahy fitafiana ny mpanompon' i Bala rehetra. Ary dia namoaka ny fitafiana ho azy izy. **23** Ary Jeho sy Jonadaba, zanak' i Rekaba, nankao an-tranon' i Bala ka niteny tamin' ny mpanompon' i Bala hoe: Fantaro tsara sy izahao, fandrao misy mpanompon' i Jehovah eto aminareo, fa tsy ny mpanompon' i Bala ihany. **24** Ary nony niditra hanatitra fanatitra dorana sy fanatitra hafa alatsa-drà izy, Jeho kosa dia nametraka valo-polo lahy teo ala-trano ka nanao hoe; Raha misy afa-mandositra ny olona izay nentiko ho eto an-tananareo, izay mamela azy handeha, dia ny ainy no hisolo ny ainy. **25** Ary rehefa vita ny nanaterany ny fanatitra dorana, dia hoy Jeho tamin' ny mpiambina sy ny mpanafika malaza: Midìra, ka vonoy, ary aza avela hisy ho tafavoaka. Dia namely azy tamin' ny lelan-tsabatra izy; ary ny mpiambina sy ny mpanafika malaza dia nanary ny faty ary niditra tao amin' ny tanàna nisy ny tranon' i Bala. **26** Ary namoaka ny orin-kazo izay tao an-tranon' i Bala izy ka nandoro ireny. **27** Ary nandrava ny tsangam-baton' i Bala sy ny tranony izy, ary dia nataony trano fivoahana mandraka androany izany. **28** Toy izany no nandravan' i Jeho an' i Bala tsy ho amin' ny Isiraely. **29** Nefa Jeho tsy dia niala tamin' ny fahotan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, izay nampanotany ny Isiraely, dia tamin' ireo ombilahy kely volamena izay tao Betela sy Dana. **30** Ary hoy Jehovah tamin' i Jeho: Satria efa nanao soa ianao tamin' ny nanaovanao izay mahitsy eo imasoko sady efa nataonao tamin' ny taranak' i Ahaba araka izay rehetra tao am-poko, koa dia hitoetra amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely ny taranakao hatramin' ny zafindohalika. **31** Nefa Jeho tsy nitandrina handeha amin' ny lalàn' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, amin' ny fony rehetra; fa tsy niala tamin' ny fahotan' i Jeroboama izay nampanotany ny Isiraely izy. **32** Tamin' izany andro izany no niantombohan' ny nanakelezan' i Jehovah ny Isiraely; fa Hazaela namely azy tamin' ny sisin-tanin' ny Isiraely rehetra **33** hatrany Jordana no ho miantsinanana, dia ny tany Gileada rehetra, ny Gadita sy ny Robenita ary ny Manasita, hatrany Aroera, izay eo amoron' ny lohasahandriaka Arnona, dia Gileada sy Basana. **34** Ary ny tantaran' i Jeho sisa mbamin' izay rehetra nataony ary ny heriny rehetra, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **35** Ary Jeho lasa nodimandry any amin' ny razany, dia nalevina tao Samaria izy. Ary Joahaza zanany no nanjaka nandimby azy. **36** Ary ny andro izay nanjakan' i Jeho tamin' ny Isiraely tao Samaria dia valo amby roa-polo taona.

11 Ary nony hitan' i Atalia, renin' i Ahazia, fa maty ny zanany dia nitsangana izy ka nandringana ny zanak' andriana rehetra. **2** Fa Joseba, zanakavavin' i Jehorama mpanjaka ary anabavin' i Ahazia, dia naka an' i Joasy, zanak' i Ahazia, ka namonjy azy mbamin' ny mpitaiza azy avy teo amin' ny zanaky ny mpanjaka izay novonoina ho ao an-trano fitehirizam-pandriana ary nafeniny an' i Atalia izy, ka dia tsy mba voavono. **3** Ary niery enintaona tao aminy tao an-tranon' i Jehovah izy. Ary Atalia no nanjaka tamin' ny tany. **4** Ary tamin' ny taona fahafito Joiada naniraka haka ny kapiteny, mpifehy ny anjolofo sy ny

mpiambina, dia nampiditra azy tao an-tranon' i Jehovah ary nampanaiky sy nampianiana azy tao an-tranon' i Jehovah, ka nasehony azy ny zanakalahin' ny mpanjaka. **5** Ary izy nandidy azy hoe: Izao no hataonareo: Ny ampahatelony izay milatsaka amin' ny Sabata dia hiambina ny tranon' ny mpanjaka; **6** ary ny ampahatelony ho eo am-bavahady Sora; ary ny ampahatelony ho ao am-bavahady ivohon' ny mpiambina, dia hiambina ny trano ianareo ka hiaro azy. **7** Ary ny roa toko aminareo kosa, dia izay rehetra miala amin' ny andro Sabata, dia hiambina ny tranon' i Jehovah hiarovana ny mpanjaka. **8** Ary hanemitra manodidina ny mpanjaka ianareo, samy mitana ny fiadiany avy; ka na iza na iza mamaky laharana dia vonoy, ary arahonareo ny mpanjaka, na mivoaka na miditra izy. **9** Ary ny kapiteny dia nanao araka izay rehetra nandidian' i Joiada mpisorona, ka samy nitondra ny olom-peheziny izay nilatsaka tamin' ny Sabata sy izay niala tamin' ny Sabata ary nankany amin' i Joiada mpisorona. **10** Ary ny kapiteny nomen' ilay mpisorona ny lefona sy ampingan' i Davida mpanjaka izay tao an-tranon' i Jehovah. **11** Ary ny mpiambina nitsangana, ka samy nitana ny fiadiany avy hanodidina ny mpanjaka hatramin' ny lafiny ankavanan' ny trano ka hatramin' ny lafiny ankavia, hatramin' ny alitara ka hatramin' ny trano. **12** Dia nentin' i Joiada nivoaka ny zanakalahin' ny mpanjaka ka nosatrohany ny satro-boninahitra izy, dia notolorany ny Vavolombelona; ka dia nampanjakainy sy nohosorany izy, ary ny olona nitehaka ka niantso hoe: Ho ela velona anie ny mpanjaka! **13** Ary nony ren' i Atalia ny tabataban' ny mpiambina sy ny vahoaka, dia mba nankao amin' ny vahoaka tao amin' ny tranon' i Jehovah izy. **14** Ary hitany fa, indro, ny mpanjaka nitsangana teo amin' ny fitoeran' andriana toy ny fanao, ary ny andriandahy sy ny mpitsoka trompetra dia teo anilan' ny mpanjaka; ary ny vahoaka rehetra nifaly sady nampaneno ny trompetra; dia nandriatra ny fitafiany Atalia ka niantso hoe: Fikomiana! fikomiana! **15** Fa Joiada mpisorona nandidy ny kapiteny, mpifehy ny miaramila, ka nanao taminy hoe: Avoahy eny ivelan' ny laharana izy, ary izay manaraka azy dia vonoy amin' ny sabatra. Fa ny mpisorona efa nandrara hoe Aza vonoina ao an-tranon' i Jehovah izy. **16** Ary ny olona nisava teo an-daniny roa, dia nandeha tamin' ny lalana fandehanan' ny soavaly ho any an-tranon' ny mpanjaka ravehivavy; dia novonoiny tao izy. **17** Ary Joiada nampanao fanekena ny mpanjaka sy ny vahoaka tamin' i Jehovah, mba ho olon' i Jehovah izy, ary nampifanaiky ny mpanjaka sy ny vahoaka koa. **18** Ary ny vahoaka rehetra niditra tao an-tranon' i Bala ka nandrava azy; ny alitara sy ny endrijavatra teo aminy dia notorotoroiny avokoa, ary Matana, mpisoron' i Bala, novonoiny teo anoloan' ny alitara. Ary ny mpisorona nanendry ny ho mpitandrina ny tranon' i Jehovah. **19** Ary nalainy ny kapiteny sy ny anjolofo sy ny mpiambina mbamin' ny vahoaka rehetra ary nentina nidina avy tao an-tranon' i Jehovah ny mpanjaka, ka teo ambavahadin' ny mpiambina no nalehany hankao an-tranon' ny mpanjaka. Ary nipetraka tamin' ny seza fiandrianan' ny mpanjaka izy. **20** Dia nifaly ny vahoaka rehetra, ary nandry fahizay ny tanàna Ary Atalia novonoiny tamin' ny sabatra tao an-tranon' ny mpanjaka. **21** Fito taona Joasy fony izy vao nanjaka:

12 Ary tamin' ny taona fahafito nanjakan' i Jeho no vao nanjaka izy; ary efa-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Zibia, avy any Beri-sheba. **2** Ary Joasy nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah tamin' ny androny rehetra izay nanoloran' i Joiada mpisorona saina azy. **3** Nefa kosa ny fitoerana avo tsy mba noravana; ary ny olona mbola namono zavatra hatao fanatitra sady nandoro ditin-kazo manitra teo amin' ny fitoerana avo ihany. **4** Ary hoy Joasy tamin' ny mpisorona: Ny vola amin' ny zava-masìna rehetra izay nampidirina tao an-tranon' i Jehovah, dia ny volan' ny olona voaisa sy ny vola rehetra izay azo tamin' ny tomban' olona ary ny vola rehetra Izay nentin' ny isan-olona an-tsitrapo ho ao an-tranon' i Jehovah, **5** aoka horaisin' ny mpisorona amin' ny olom-pantany avy izany ka hanamboarany ny simba amin' ny trano, na amin' inona na amin' inona no hitany misy simba. **6** Kanjo hatramin' ny fahatelo amby roa-polo taona nanjakan' i Joasy mpanjaka dia tsy mbola voavoatry ny mpisorona ihany ny simba tamin' ny trano. **7** Ka dia niantso an' i Joiada mpisorona sy ny mpisorona sasany koa Joasy mpanjaka ka nanao taminy hoe: Nahoana ianareo no tsy nanamboatra ny simba amin' ny trano? Koa ankehitriny, aza mandray vola amin' ny olom-pantatrareo intsony ianareo, fa omeo hanamboarana ny simba amin' ny trano ny vola. **8** Ary ny mpisorona nanaiky tsy handray vola amin' ny olona intsony sady tsy hanamboatra ny simba amin' ny trano. **9** Fa Joiada mpisorona naka vata anankiray, dia noloahany ny rakony, ary napetrany teo anilan' ny alitara tamin' ny sisiny ankavanana eo am-pidirana amin' ny tranon' i Jehovah; dia nalatsaky ny mpisorona, mpiandry varavarana, tao ny vola rehetra izay nampidirina ho ao an-tranon' i Jehovah. **10** Ary rehefa hitany fa be ny vola tao am-bata, dia niakatra ny mpanoratry ny mpanjaka sy ny mpisoronabe, ka nofonosiny ny vola izay hita tao an-tranon' i Jehovah sady nisainy. **11** Ary ny vola voalanja dia natolotr' ireo ho eo an-tanan' ny mpiraharaha, dia izay voatendry ny amin' ny tranon' i Jehovah; ary ireo kosa namoaka azy ho amin' ny mpandrafitra sy ny mpanao trano izay nanamboatra ny tranon' i Jehovah **12** sy ho amin' ny mpandatsa-bato sy ny mpipaika, ary hamidy hazo sy vato voapaika hanamboarana ny simba amin' ny tranon' i Jehovah sy holanina amin' izay rehetra hanamboarana azy. **13** Nefa tsy nisy lovia volafotsy, na antsy, na lovia famafazana, na trompetra, na izay fanaka volamena sy volafotsy na inona na inona, natao ho amin' ny tranon' i Jehovah tamin' ny volafotsy nampidirina tao; **14** fa nomeny ny mpiasa izany ka nentin' ireo nanamboatra ny tranon' i Jehovah. **15** Ary tsy nampamoahiny ny olona izay notolorany ny vola homena ny mpiasa, fa nahatoky ireo. **16** Fa ny vola natao fanati-panonerana sy fanatitra noho ny ota dia tsy mba nampidirina tao an-tranon' i Jehovah, fa an' ny mpisorona kosa izany. **17** Ary tamin' izany dia niakatra Hazaela, mpanjakan' i Syria, ary namely an' i Gata ka nahafaka azy; ary nizotra niakatra hamely an' i Jerosalema koa izy. **18** Ary Joasy, mpanjakan' ny Joda, naka ny zavatra

rehetra izay nohamasinin' ny mpanjakan' ny Joda razany, dia Josafata sy Jehorama sy Ahazia, mbamin' ny zavatra nohamasinin' ny tenany koa sy ny volamena rehetra hita tamin' ny rakitra, na ny tao an-tranon' i Jehovah, na ny tao an-tranon' ny mpanjaka, ary nampitondrainy ho any amin' i Hazaela, mpanjakan' i Syria, izany; ka dia niverina tsy nankany Jerosalema Hazaela. **19** Ary ny tantaran' i Joasy sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **20** Ary nitsangana ny mpanompon' i Joasy ka niodina taminy, dia namono azy tao an-trano Milo, ao ampidinana mankany Sila. **21** Fa Jozakara, zanak' i Simata, sy Jozabada, zanak' i Somera mpanompony namely azy ho faty; dia nalevina tao amin' ny razany tao an-tanànan' i Davida izy; ary Amazia zanany no nanjaka nandimby azy.

13 Tamin' ny taona fahatelo amby roa-polo nanjakan' i Joasy, zanak' i Ahazia, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Joahaza, zanak' i Jeho, tamin' ny Isiraely tany Samaria, ary nanjaka fito ambin' ny folo taona izy. **2** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, fa nanaraka ny fahotan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, izay nampanotany ny Isiraely; tsy niala tamin' izany izy. **3** Ary ny fahatezeran' i Jehovah nirehitra tamin' ny Isiraely, ka dia natolony teo an-tanan' i Hazaela, mpanjakan' i Syria, sy teo an-tanan' i Beni-hadada, zanak' i Hazaela, mandrakariva izy. **4** Ary Joahaza nifona tamin' i Jehovah, dia nohenoin' i Jehovah izy, satria hitany ny fahorian' ny Isiraely, fa nampahory azy ny mpanjakan' i Syria. **5** Ary Jehovah nanome mpamonjy ho amin' ny Isiraely, ka dia afaka tamin' ny tanan' ny Syriana izy; ary nandry fahizay toy ny teo aloha ny Zanak' Isiraely. **6** Kanefa tsy niala tamin' ny fahotan' ny taranak' i Jeroboama, izay nampanotany ny Isiraely, izy, fa nandeha tamin' izany ihany, ary na dia ilay Aseraha aza dia mbola tao Samaria ihany. **7** Fa tsy nisy sisa navelan' i Jehovah ho an' i Joahaza, afa-tsy mpitaingin-tsoavaly dimam-polo sy kalesy folo ary miaramila an-tongotra iray alina; fa ny mpanjakan' i Syria efa nandringana azy ka nanao azy ho toy ny vovoka hitsakitsahina. **8** Ary ny tantaran' i Joahaza sisa mbamin' izay rehetra nataony ary ny heriny, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **9** Ary Joahaza lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao Samaria izy; ary Joasy zanany no nanjaka nandimby azy. **10** Tamin' ny taona fahafito amby telo-polo nanjakan' i Joasy, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Joasy, zanak' i Joahaza, tamin' ny Isiraely tany Samaria, ary nanjaka enina ambin' ny folo taona izy. **11** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy; fa tsy niala tamin' ny fahotana rehetra izay nataon' i Jeroboama, zanak' i Nebata, sady nampanotany ny Isiraely; fa nandeha tamin' izany ihany izy. **12** Ary ny tantaran' i Joasy sisa mbamin' izay rehetra nataony sy ny heriny niadiany tamin' i Amazia, mpanjakan' ny Joda, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **13** Ary Joasy lasa nodi-mandry any amin' ny razany, ary Jeroboama nipetraka tamin' ny seza fiandrianany; ary Joasy dia nalevina tany Samaria tao amin' ny mpanjakan' ny Isiraely. **14** Ary Elisa dia nararin' ny aretina izay hahafaty azy. Ary Joasy, mpanjakan' ny Isiraely, nidina nankany aminy ka niondrika nitomany teo ambonin' ny tavan' i Elisa ka nanao hoe: Ry ikaky ô, ry ikaky ô, ny kalesin' ny Isiraely sy ny mpitaingin-tsoavaliny! **15** Ary hoy Elisa taminy: Makà tsipìka sy zana-tsipìka. Ary dia naka tsipìka sy zana-tsipìka izy. **16** Ary hoy izy tamin' ny mpanjakan' ny Isiraely: Henjano ny tsipìka. Dia nohenjaniny; ary Elisa nametraka ny tànany teo amin' ny tanan' ny mpanjaka. **17** Ary hoy izy: Vohay ny varavarankely atsinanana. Ary dia novohany. Dia hoy Elisa: Alefao. Ka dia nalefany. Ary hoy izy: Zana-tsipìkan' ny famonjen' i Jehovah, dia zana-tsipìkan' ny famonjena hahavoa ny Syriana! fa hamely ny Syriana ao Afeka ianao mandra-pandringanao azy. **18** Ary hoy koa izy: Raiso ny zana-tsipìka. Dia noraisiny. Ary hoy izy tamin' ny mpanjakan' ny Isiraely: Kapohy ny tany. Ary nokapohiny intelo, dia nitsahatra izy. **19** Ary ilay lehilahin' Andriamanitra dia tezitra taminy ka nanao hoe: Tokony ho nikapoka indimy na inenina ianao, dia ho nasianao ny Syriana mandra-pandringanao azy; fa izao dia intelo ihany no hamelezanao ny Syriana. **20** Ary dia maty Elisa ka nalevina. Ary ny mpitoha adin' ny Moabita nananika ny tany amin' ny fitsingerenan' ny taona. **21** Ary nisy nandevina olona, dia, indro, nahita ireo mpitoha ady izy, ka dia natsipiny tao am-pasan' i Elisa ny faty; ary raha vao nitehika tamin' ny taolan' i Elisa ny fatin-dralehilahy, dia velona izy ka nijoro tamin' ny tongony. **22** Ary Hazaela, mpanjakan' i Syria, nampahory ny Isiraely tamin' ny andro rehetra nanjakan' i Joahaza. **23** Fa Jehovah namindra fo taminy sy niantra azy ary nitsinjo azy noho ny fanekeny tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, ka tsy tahandringana azy na hanaisotra azy tsy ho eo anatrehany mandraka ankehitriny. **24** Ary maty Hazaela, mpanjakan' i Syria; ary Beni-hadada zanany no nanjaka nandimby azy. **25** Ary Joasy, zanak' i Joahaza, naka indray teo an-tànan' i Beni-hadada, zanak' i Hazaela, ny tanàna izay efa nalain' i Hazaela teo an-tànan' i Joahaza, rain' i Joasy, tamin' ny ady. Intelo no nandresen' i Joasy azy, ka dia azony indray ny tanànan' ny Isiraely.

14 Tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Joasy, zanak' i Joahaza, mpanjakan' ny Isiraely, no vao nanjakan' i Amazia, zanak' i Joasy, mpanjakan' ny Joda. **2** Dimy amby roa-polo taona izy, fony vao nanjaka, ary sivy amby roa-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anarandreniny dia Joadana, avy any Jerosalema. **3** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy, nefa tsy dia tahaka an' i Davida rainy; fa tahaka izay rehetra nataon' i Joasy rainy ihany no nataony. **4** Kanefa ny fitoerana avo tsy mba noravana; fa mbola namono zavatra hatao fanatitra sady nandoro ditin-kazo manitra teny amin' ny fitoerana avo ihany ny olona. **5** Ary nony tafapetraka tsara teo an-tànany ny fanjakany, dia novonoiny ireo mpanompony izay namono ny mpanjaka rainy. **6** Fa ny zanak' ireo namono kosa dia tsy mba novonoiny, fa nataony araka izay voasoratra ao amin' ny bokin' ny lalàn' i Mosesy, izay nandidian' i Jehovah hoe: Ny ray tsy hatao maty amin' ny ataon' ny zanany,

ary ny zanaka tsy hatao maty amin' ny ataon' ny rainy; fa samy hatao maty amin' ny fahotany avy ny olona. **7** Izy no nahafaty ny Edomita iray alina tao amin' ny Lohasahan-tsira sady nahafaka an' i Sela tamin' ny ady ary nanao azy hoe Joktela, izay mbola anarany mandraka androany. **8** Tamin' izany Amazia dia naniraka olona tany amin' i Joasy, zanak' i Joahaza, zanak' i Jeho, mpanjakan' ny Isiraely, nanao hoe: Avia, aoka isika hihaona. **9** Fa Joasy mpanjakan' ny Isiraely, naniraka tany amin' i Amazia, mpanjakan' ny Joda, nanao hoe: Ny tsilo izay tany Libanona naniraka tamin' ny hazo sedera izay tany Libanona nanao hoe: Omeo ny zanako-lahy ny zanakao-vavy ho vadiny; ary dia namaky teo ny bibi-dia tany Libanona ka nanosihosy ny tsilo. **10** Efa namely an' i Edoma tokoa ianao, ka dia nirehareha ny fonao; aoka hahafa-po anao ary izany voninahitra izany, ka mitoera ao an-tranonao ihany; fa nahoana no hihaika ny loza hahalavo ny tenanao mbamin' ny Joda koa ianao? **11** Fa tsy nanaiky Amazia. Koa dia niakatra Joasy, mpanjakan' ny Isiraely; ary izy sy Amazia, mpanjakan' ny Joda, nihaona tany Beti-semesy izay any Joda. **12** Dia resy teo anoloan' ny Isiraely ny Joda, ka samy nandositra ho any amin' ny lainy avy izy. **13** Ary Amazia, mpanjakan' ny Joda, zanak' i Joasy, zanak' i Ahazia, nosamborin' i Joasy, mpanjakan' ny Isiraely tany Beti-semesy; ary dia nankany Jerosalema Joasy, ka nandravany efa-jato hakiho ny màndany hatramin' ny vavahadin' i Efraima ka hatramin' ny vavahady an-jorony. **14** Ary nalainy avokoa ny volamena sy ny volafotsy rehetra ary ny fanaka rehetra izay hita tao an-tranon' i Jehovah sy tamin' ny rakitry ny tranon' ny mpanjaka mbamin' ny olona natao antoka, ka dia niverina ho any Samaria izy. **15** Ary ny tantaran' i Joasy sisa mbamin' ny heriny sy ny niadiany tamin' i Amazia, mpanjakan' ny Joda, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **16** Ary Joasy lasa nodimandry any amin' ny razany, dia nalevina tany Samaria tao amin' ny mpanjakan' ny Isiraely izy; ary Jeroboama zanany no nanjaka nandimby azy. **17** Ary ny andro niainan' i Amazia, zanak' i Joasy, mpanjakan' ny Joda, taorian' ny nahafatesan' i Joasy, zanak' i Joahada, mpanjakan' ny Isiraely, dia dimy ambin' ny folo taona. **18** Ary ny tantaran' i Amazia sisa, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **19** Ary ny olona niodina taminy tany Jerosalema, dia nandositra nankany Lakisy izy; fa ny olona nampanaraka namono azy tany. **20** Ary nasampiny tamin' ny soavaly ny fatiny, dia nalevina tany Jerosalema tao amin' ny razany tao an-Tanànan' i Davida izy. **21** Ary ny vahoaka rehetra tamin' ny Joda naka an' i Azaria, izay vao enina ambin' ny folo taona tamin' izay, ka nampanjaka azy handimby an' i Amazia rainy. **22** Izy no hanamboatra an' i Elota ka nampody azy ho an' ny Joda, rehefa lasa nodimandry any amin' ny razany ny mpanjaka. **23** Tamin' ny taona fahadimy ambin' ny folo nanjakan' i Amazia, zanak' i Joasy, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Jeroboama, zanak' i Joasy, mpanjakan' ny Isiraely, tany Samaria, ary nanjaka iraika amby efa-polo taona izy. **24** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, fa tsy niala tamin' ny fahotana rehetra izay nataon' i Jeroboama, zanak' i Nebata, sady nampanotany ny Isiraely. **25** Izy no nampody ny sisin-tanin' ny Isiraely ka azony hatrany akaikin' i Hamata ka hatramin' ny ranomasin' ny tani-hay, araka ny tenin' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, izay nampilazainy ny mpanompony, dia Jona, zanak' i Amitahy, mpaminany tany Gata-hefera. **26** Fa efa hitan' i Jehovah fa nangidy indrindra ny fahorian' ny Isiraely; ary tsy nisy sisa, na ny voahazona na ny afaka, sady tsy nisy namonjy ny Isiraely akory. **27** Fa tsy mba nolazain' i Jehovah fa hovonoiny tsy ho eo ambanin' ny lanitra ny anaran' ny Isiraely; fa ny tànan' i Jeroboama, zanak' i Joasy, no nentiny namonjy azy. **28** Ary ny tantaran' i Jeroboama sisa mbamin' izay nataony sy ny hery izay niadiany ary ny nampodiany an' i Damaskosy sy Hamata, izay an' ny Joda fahiny, ho an' ny Isiraely, tsy efa voasoratra ao amin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **29** Ary Jeroboama lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia tao amin' ny mpanjakan' ny Isiraely; ary Zakaria zanany no nanjaka nandimby azy.

15 Tamin' ny taona fahafito amby roa-polo nanjakan' i Jeroboama, mpanjakan' ny Isiraely, no vao nanjakan' i Azaria, zanak' i Amazia, mpanjakan' ny Joda. **2** Enina ambin' ny folo taona izy, fony vao nanjaka, ary roa amby dimam-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Jekolia, avy any Jerosalema. **3** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy tahaka izay rehetra nataon' i Amazia rainy; **4** kanefa ny fitoerana avo tsy mba noravana; fa mbola namono zavatra hatao fanatitra sady nandoro ditin-kazo manitra teny amin' ny fitoerana avo ihany ny olona. **5** Ary Jehovah namely ny mpanjaka, ka dia boka mandra-pahafatiny izy ka nitoetra tao an-trano nitokana. Ary Jotama, zanakalahin' ny mpanjaka, no nanapaka tao an-dapa sy nitsara ny vahoaka. **6** Ary ny tantaran' i Azaria sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **7** Ary Azaria dia lasa nodimandry any amin' ny razany, ka nalevina tao amin' ny razany tao an-tanànan' i Davida izy; ary Jotama zanany no nanjaka nandimby azy. **8** Tamin' ny taona fahavalo amby telo-polo nanjakan' i Azaria, mpanjakan' ny Joda, no nanjakan' i Zakaria, zanak' i Jeroboama, tamin' ny Isiraely, ary nanjaka enim-bolana tao Samaria izy. **9** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah tahaka ny nataon' ny razany izy, fa tsy niala tamin' ny fahotan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, Izay nampanotany ny Isiraely. **10** Ary Saloma, zanak' i Jabesy, nikomy taminy, dia namely azy teo anatrehan' ny olona ka nahafaty azy ary nanjaka nandimby azy. **11** Ary ny tantaran' i Zakaria sisa, indro fa efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely izany. **12** Izany no ilay tenin' i Jehovah nolazainy tamin' i Jeho hoe: Ny taranakao hatramin' ny zafindohalika dia hipetraka amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely. Ka dia tanteraka izany. **13** Ary Saloma, zanak' i Jabesy, dia vao nanjaka tamin' ny taona fahasivy amby telo-polo nanjakan' i Ozia, mpanjakan' ny Joda; ary nanjaka andro iray volana tany Samaria izy. **14** Fa Menahema, zanak' i Gady, niakatra avy tany Tirza ka nankany Samaria, dia namely an' i Saloma,

zanak' i Jabesy, tany Samaria ka nahafaty azy ary nanjaka nandimby azy. **15** Ary ny tantaran' i Saloma sisa mbamin' ny nikomiany, indro fa efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely izany. **16** Tamin' izany Menahema dia niala tany Tirza ka namely an' i Tifsa mbamin' izay rehetra tao hatramin' ny sisin-taniny; fa tsy namoha vavahady azy Tifsa, ka dia nasiany, ary izay bevohoka rehetra tao notatahany. **17** Tamin' ny taona fahasivy amby telo-polo nanjakan' i Azaria, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Menahema, zanak' i Gady, tamin' ny Isiraely, ary nanjaka folo taona tao Samaria izy. **18** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, fa tamin' ny androny rehetra dia tsy niala tamin' ny fahotan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, izay nampanotany ny Isiraely. **19** Ary Pola, mpanjakan' i Asyria, dia avy hananika ny tany; ary Menahema nanome an' i Pola talenta volafotsy arivo mba hampitoetra ny fanjakana eo an-tànan' i Menahema. **20** Ary nampandoavin' i Menahema io vola io ny mpanankarena rehetra tamin' ny Isiraely, dia sekely volafotsy dimam-polo avy isan-olona, homeny ny mpanjakan' i Asyria. Ka dia niverina ny mpanjakan' i Asyria, fa tsy nitoetra tao amin' ny tany. **21** Ary ny tantaran' i Menahema sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely va izany? **22** Ary Menahema lasa nodi-mandry any amin' ny razany, ary Pekahia zanany no nanjaka nandimby azy. **23** Tamin' ny taona fahadimam-polo nanjakan' i Azaria, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Pekahia, zanak' i Menahema, tamin' ny Isiraely tao Samaria, ary nanjaka roa taona izy. **24** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, fa tsy niala tamin' ny fahotan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, izay nampanotany ny Isiraely. **25** Ary Peka, zanak' i Remalia, lefiny, dia nikomy taminy ka namely an' i Pekahia mbamin' i Argoba sy Aria teo Samaria, tao amin' ny trano-avo amin' ny lapa, ary teo amin' Peka nisy olona dimam-polo lahy tamin' ny taranak' i Gileada; koa namono azy izy, dia nanjaka nandimby azy. **26** Ary ny tantaran' i Pekahia sisa mbamin' izay rehetra nataony, indro fa efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely izany. **27** Tamin' ny taona faharoa amby dimam-polo nanjakan' i Azaria, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Peka, zanak' i Remalia, tamin' ny Isiraely tao Samaria, ary nanjaka roa-polo taona izy. **28** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, fa tsy niala tamin' ny fahotan' i Jeroboama, zanak' i Nebata, izay nampanotany ny Isiraely. **29** Tamin' ny andron' i Peka, mpanjakan' ny Isiraely, dia tonga Tiglato-pilesera, mpanjakan' i Asyria, ka nahafaka an' Iona sy Abela-beti-maka sy Janoa sy Kadesy sy Hazora sy Gileada ary Galilia, dia ny tanin' ny Naftaly rehetra, ary nitondra ny olona ho babo tany Asyria izy. **30** Ary Hosea, zanak' i Elaha, nikomy tamin' i Peta, Zanak' i Remalia, dia namely azy ho faty ka nanjaka nandimby azy tamin' ny taona faharoa-polo nanjakan' i Jotama, zanak' i Ozia. **31** Ary ny tantaran' i Peka sisa mbamin' izay rehetra nataony, indro fa efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely izany. **32** Tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Peka, zanak' i Remalia, mpanjakan' ny Isiraely, no vao nanjakan' i Jotama, zanak' i Ozia, mpanjakan' ny Joda. **33** Dimy amby roa-polo taona izy, fony vao nanjaka, ary enina ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anarandreniny dia Jerosa, zanakavavin' i Zadoka. **34** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy; tahaka izay rehetra nataon' i Ozia rainy no nataony. **35** Kanefa ny fitoerana avo tsy mba noravana; fa mbola namono zavatra hatao fanatitra sady nandoro ditin-kazo manitra teny amin' ny fitoerana avo ihany ny olona. Izy no nanao ny vavahady ambony amin' ny tranon' i Jehovah. **36** Ary ny tantaran' i Jotama sisa mbamin' Izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **37** Tamin' izany andro Izany no vao nampandehanan' i Jehovah an' i Rezina, mpanjakan' i Syria, sy Peka, zanak' i Remalia, hanafika an' i Joda. **38** Ary Jotama lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny razany tao an-Tanànan' i Davida rainy izy; ary Ahaza zanany no nanjaka nandimby azy.

16 Tamin' ny taona fahafito ambin' ny folo nanjakan' i Peka, zanak' i Remalia, no vao nanjakan' i Ahaza, zanak' i Jotama, mpanjakan' ny Joda. **2** Roa-polo taona Ahaza, fony izy vao nanjaka, ary enina ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary tsy nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah Andriamaniny tahaka ny nataon' i Davida rainy izy; **3** fa nandeha tamin' ny lalan' ny mpanjakan' ny Isiraely izy; eny, ny zananilahy aza dia nampamakiny ny afo, araka ny fahavetavetan' ny jentilisa izay noroahin' i Jehovah tsy ho eo anoloan' ny Zanak' Isiraely. **4** Ary namono zavatra hatao fanatitra izy sady nandoro ditin-kazo manitra teny amin' ny fitoerana avo sy teny amin' ny havoana ary teny ambanin' ny hazo maitso rehetra. **5** Ary tamin' izany dia niakatra hanafika an' i Jerosalema Rezina, mpanjakan' i Syria, sy Peka, zanak' i Remalia, mpanjakan' ny Isiraely; ary nanao fahirano an' i Ahaza izy, nefa tsy naharesy azy. **6** Tamin' izany andro izany Rezina, mpanjakan' i Syria, dia nahalasa an' i Elota ho isan' ny fanjakan' i Syria ka nandroaka ny Jiosy hiala tao; ary ny Syriana nankany Elota ka monina ao mandraka androany. **7** Ary Ahaza naniraka olona ho any amin' i Tiglato-pilesera, mpanjakan' i Asyria, hanao hoe: Mpanomponao sy zanakao aho; miakara, ka vonjeo aho tsy ho azon' ny mpanjakan' i Syria sy ny mpanjakan' ny Isiraely, izay efa mitsangana hiady amiko. **8** Ary nalain' i Ahaza ny volafotsy sy ny volamena izay hita tao an-tranon' i Jehovah sy tao amin' ny rakitry ny tranon' ny mpanjaka, dia nampanateriny ho fanomezana ho an' ny mpanjakan' i Asyria. **9** Dia nanaiky ny teniny ny mpanjakan' i Asyria ka niakatra hamely an' i Damaskosy ary nahafaka azy; dia nentiny ho any Kira ny olona nobaboiny, fa Rezina kosa novonoiny. **10** Ary nandeha Ahaza mpanjaka hitsena an' i Tiglato-pilesera, mpanjakan' i Asyria, any Damaskosy; ary nony nahita ny alitara tao Damaskosy izy, dia nampitondra ny mariky ny alitara sy ny sariny araka ny fombany rehetra ho any amin' i Oria mpisorona. **11** Ary Oria mpisorona dia nanao alitara: araka ny marika rehetra nampitondrain' i Ahaza mpanjaka avy tany Damaskosy no nanaovan' i Oria

mpisorona azy mandra-pihavin' i Ahaza mpanjaka avy tany Damaskosy. **12** Ary nony tonga avy tany Damaskosy ny mpanjaka, dia nandeha nizaha azy izy ary nanatona ka nanatitra fanatitra teo amboniny. **13** Ary nandoro ny fanatitra dorany sy ny fanatitra hohaniny teo izy ary nanidina ny fanatitra aidiny sady nanopy ny ran' ny fanati-pihavanany tamin' ny alitara. **14** Ary ny alitara varahina kosa, izay teo anatrehan' i Jehovah, dia nafindrany hiala eo anoloan' ny trano dia eo anelanelan' ny alitara vaovao sy ny tranon' i Jehovah ka nataony teo avaratry ny alitarany. **15** Ary Ahaza mpanjaka nandidy an' i Oria mpisorona hoe: Eo ambonin' ny alitara lehibe no andoroy ny fanatitra dorana maraina sy ny fanatitra hohanina hariva sy ny fanatitra dorana mbamin' ny fanatitra hohanina izay ho an' ny mpanjaka, ary ny fanatitra dorana mbamin' ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra aidina izay ho an' ny vahoaka rehetra ary ny rà rehetra avy amin' ny fanatitra dorana sy ny fanatitra alatsa-drà hafa dia hatopinao aminy; ary ny amin' ny alitara varahina dia mbola hataoko fanontanian-javatra **16** Ary Oria mpisorona dia nanao araka izay rehetra nandidian' i Ahaza mpanjaka. **17** Ary nesorin' i Ahaza mpanjaka ny kibon ny fitoeran-tavin-drano; ary nesoriny ny tavin-drano, ary ilay tavin-drano lehibe dia nampidininy niala tamin' ireo omby varahina: izay teo ambaniny ka nataony teo ambony lampivato. **18** Ary ny Fialofana tamin' ny Sabata, izay natao teo akaikin' ny trano, sy ny fidirana ivelany izay an' ny mpanjaka, dia nafindrany ho ao an-tranon' i Jehovah noho ny tahony ny mpanjakan' i Asyria. **19** Ary ny tantaran' i Ahaza sisa, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **20** Ary Ahaza lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny razany tao an-Tanànan' i Davida izy; ary Hezekia zanany nanjaka nandimby azy.

17 Tamin' ny taona faharoa ambin' ny folo nanjakan' i Ahaza, mpanjakan' ny Joda, no vao nanjakan' i Hosea, zanak' i Elaha, tamin' ny Isiraely tao Samaria; ary nanjaka Sivy taona izy. **2** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, nefa tsy dia tahaka ny nataon' ny mpanjakan' ny Isiraely teo alohany. **3** Niakatra hanafika azy Salmanesera, mpanjakan' i Asyria, ka dia tonga mpanompony nandoa hetra ho azy Hosea. **4** Ary ny mpanjakan' i Asyria nahita fa niodina Hosea; fa efa naniraka olona tany amin' i So, mpanjakan' i Egypta, izy sady tsy nanatitra hetra ho an' ny mpanjakan' i Asyria intsony tahaka ny fanaony isan-taona; koa dia nanidy azy ny mpanjakan' i Asyria sy namatotra azy tao an-trano-maizina. **5** Dia niakatra ny mpanjakan' i Asyria ka nanenika ny tany; ary niakatra tany Samaria izy ka nanao fahirano azy telo taona. **6** Ary tamin' ny taona fahasivy nanjakan' i Hosea no nahafahan' ny mpanjakan' i Asyria an' i Samaria, dia nentiny ho babo tany Asyria ny Isiraely ka namponeniny tao Hala sy teo amoron' i Habora (dia ny onin' i Gozana izany) ary teny amin' ny tanànan' ny Mediana. **7** Ary ny nahatongavan' izany dia noho ny nanotan' ny Zanak' Isiraely tamin' i Jehovah Andriamaniny, Izay nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta ho afaka tamin' ny tànan' i Farao, mpanjakan' i Egypta, fa natahotra izay andriamani-kafa izy **8** ka nandeha araka ny fanaon' ny jentilisa izay noroahin' i Jehovah tsy ho eo anoloan' ny Zanak' Isiraely sy araka ny didy izay nataon' ny mpanjakan' ny Isiraely. **9** Ary ny Zanak' Isiraely dia nanao teny tsy marina ho enti-manakona an' i Jehovah Andriamaniny ka nanao fitoerana avo teny amin' ny tanànany rehetra, dia hatramin' ny tilikambon' ny mpiambina ka hatramin' ny tanàna mimànda. **10** Ary nanangana tsangam-bato-tsampy sy Aseraha ho azy teny amin' ny tendrombohitra avo rehetra sy teny ambanin' ny hazo maitso rehetra izy; **11** ary nandoro ditin-kazo manitra teny amin' ny fitoerana avo rehetra izy, tahaka ny nataon' ny jentilisa izay noroahin' i Jehovah tsy ho eo anoloany, sady nanao zavatra ratsy ka nampahatezitra an' i Jehovah. **12** Fa nanompo sampy, izay nandraran' i Jehovah azy hoe: Aza manao izany zavatra izany ianareo. **13** Nefa ny mpaminany rehetra sy ny mpahita rehetra dia nasain' i Jehovah nananatra ny Isiraely sy ny Joda hoe: Mialà amin' ny lalanareo ratsy, ary tandremo ny lalàko sy ny didiko, araka ny lalàna rehetra izay nandidiako ny razanareo sy izay nanirahako ny mpaminany mpanompoko ho aminareo. **14** Kanefa tsy nihaino izy, fa nanamafy ny hatony, tahaka ny razany, izay tsy nino an' i Jehovah Andriamaniny. **15** Ary nolaviny ny didiny sy ny fanekeny izay nataony tamin' ny razany mbamin' ny teni-vavolombelony izay nananarany azy; ary nandeha nanaraka ny zava-poana izy, ka dia tonga zava-poana koa ary nanaraka ny jentilisa manodidina azy, izay efa nandraran' i Jehovah azy mba tsy halainy tahaka. **16** Ary nahafoy ny didin' i Jehovah Andriamaniny rehetra izy ka nanao sarin-javatra an-idina ho an' ny tenany, dia ombilahy kely roa, ary nanao Aseraha koa izy sady niankohoka teo anatrehan' izay rehetra eny amin' ny lanitra ary nanompo an' i Bala. **17** Ary nampandeha ny zananilahy sy ny zananivavy hamaky ny afo izy, sady nanao fankatovana sy sikidy ary nivaro-tena hanao izay ratsy eo imason' i Jehovah ka nampahatezitra Azy. **18** Koa dia tezitra indrindra tamin' ny Isiraely Jehovah, dia nesoriny tsy ho eo imasony izy, ka tsy nisy sisa afa-tsy ny firenen' i Joda ihany. **19** Ary ny Joda koa aza tsy mba nitandrina ny didin' i Jehovah Andriamaniny, fa nandeha araka izay rehetra nataon' ny Isiraely koa. **20** Dia narian' i Jehovah ny taranak' Isiraely rehetra ka nampahoriny sy natolony ho eo an-tànan' ny mpamabo azy mandra-panaisony azy tsy ho eo imasony. **21** Fa nendahany niala tamin' ny taranak' i Davida ny Isiraely; ary ny olona nampanjaka an' i Jeroboama, zanak' i Nebata; ary Jeroboama dia nampiala ny Isiraely tsy hanaraka an' i Jehovah ka nampanota azy indrindra. **22** Ary ny Zanak' Isiraely nandeha tamin' ny fahotana rehetra nataon' i Jeroboama, fa tsy niala tamin' izany izy **23** Mandra-panaisotr' i Jehovah ny Isiraely tsy ho eo anatrehany, araka izay nampilazainy ny mpaminany mpanompony rehetra. Ka dia lasan-ko babo niala tamin' ny taniny ho any Asyria ny Isiraely ka mbola any mandraka androany. **24** Ary ny mpanjakan' i Asyria nitondra olona avy tany Babylona sy Kota sy Ava sy Hamata sy Sefarvaima ka namponina azy teny amin' ny tanànan' i Samaria nisolo ny Zanak' Isiraely; dia nahazo an' i Samaria ireny ka

nitoetra teny amin' ny tanànany. **25** Ary raha vao nonina tao ireny, dia tsy natahotra an' i Jehovah; ary Jehovah kosa nampandeha ny liona hamely azy, ka nahafatesan' ireny izy. **26** Dia hoy ny olona tamin' ny mpanjakan' i Asyria: Ny firenena izay nafindranao sy namponeninao eny amin' ny tanànan' i Samaria tsy mahalala izay tokony hatao amin' ny Andriamanitry ny tany any, ka dia nampandeha ny liona hamely azy Izy; ary, indro, nahafatesan' ireny izy noho ny tsi-fahalalany ny fanaon' ny Andriamanitry ny tany. **27** Ary ny mpanjakan' i Asyria nandidy hoe: Iraho ho any ny anankiray amin' ny mpisorona izay nentinareo ho babo avy tany, ary aoka handeha izy ka hitoetra any, dia aoka hampianatra azy izay tokony hatao amin' ny Andriamanitry ny tany any izy. **28** Dia tonga ny mpisorona anankiray avy tamin' izay efa nentiny ho babo avy tany Samaria ka nonina tao Betela, dia nampianatra azy izay fahatahorana an' i Jehovah. **29** Kanefa ny isam-pirenena mbola samy nanao ny andriamaniny avy ka nametraka azy tao amin' ny trano eny amin' ny fitoerana avo, izay nataon' ny mponina tao Samaria, eny, ny isam-pirenena dia samy nanao tao amin' ny tanàna nitoerany avy. **30** Koa ny olona avy any Babylona dia nanao an' i Sokota-benota; ary ny olona avy any Kota nanao an' i Nergala; ary ny olona avy any Hamata nanao an' i Asima; **31** ary ny Avita nanao an' i Nibaza sy Tartaka; ary ny Sefarvita nandoro ny zanany tamin' ny afo ho an' i Adrameleka Anameleka, andriamanitr' i Sefarvaima. **32** Dia natahotra an' i Jehovah ny olona, ary izay avy tamin' ny ankabiazam-bahoaka no notendreny ho mpisorona amin' ny fitoerana avo, ary ireny no nanatitra fanatitra tao amin' ny trano eny amin' ny fitoerana avo nisolo ny vahoaka. **33** Jehovah dia natahorany ihany, kanefa mbola nanompo ny andriamaniny avy koa izy araka ny fanaon' ny firenena izay efa nangalana azy avy. **34** Mandraka androany dia mbola manao araka ny fanaony teo ihany izy: tsy dia matahotra an' i Jehovah, ary tsy dia manao araka ny fomban-drazany, na araka ny lalàna sy ny didy izay nandidian' i Jehovah ny taranak' i Jakoba, izay nataony hoe Isiraely **35** Sady nanaovany fanekena sy nodidiany hoe: Aza matahotra izay andriamani-kafa, na miankohoka eo anatrehany, na manompo azy, na namono zavatra hatao fanaritra ho azy; **36** Fa Jehovah, Izay nitondra anareo nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta tamin' ny hery lehibe sy ny sandry nahinjitra, dia aoka Izy ihany no hatahoranareo, ary ho eo anatrehany no hiankohofanareo, ary ho Azy no hamonoanareo zavatra hatao fanatitra; **37** Ary ny didy sy ny fitsipika sy ny lalàna ary ny teny izay nosoratany ho anareo no aoka hotandremanareo hatao mandrakariva; ary aza matahotra izay andriamani-kafa; **38** Ary ny fanekena izay nataoko taminareo dia aza hadinoinareo; ary aza matahotra izay andriamani-kafa ianareo; **39** Fa Jehovah Andriamanitrareo no aoka hatahoranareo; dia Izy no hamonjy anareo amin' ny tanan' ny fahavalonareo rehetra. **40** Nefa tsy nety nihaino izy, fa nanao tahaka ny fanaony taloha ihany. **41** Ka dia natahotra an' i Jehovah ihany ireo firenena ireo, kanefa nanompo ny sarin-javatra voasokitra izy hatramin' ny zanany sy ny zafiny koa aza; tahaka ny fanaon' ny razany ihany no nataon' ireny mandraka androany.

18 Ary tamin' ny taona fahatelo nanjakan' i Hosea, zanak' i Elaha, mpanjakan' ny Isiraely, no vao nanjakan' i Hezekia, zanak' i Ahaza, mpanjakan' ny Joda. **2** Dimy amby roa-polo taona izy, fony vao nanjaka, ary nanjaka sivy amby roa-polo taona tany Jerosalema izy. Ary ny anaran-dreniny dia Aby, zanakavavin' i Zakaria. **3** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy tahaka izay rehetra nataon' i Davida rainy. **4** Izy no nandrava ny fitoerana avo sy namakivaky ny tsangam-baton-tsampy sy nikapa ny Aserahany ary nanorotoro ny menarana varahina izay nataon' i Mosesy; fa ny Zanak' Isiraely efa nandoro ditin-kazo manitra tamin' iny hatramin' izany andro izany aza; ary ny anarany nataony hoe Nehostana. **5** Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, no nitokiany, ka dia tsy nisy tahaka azy tamin' izay rehetra mpanjakan' ny Joda, na ny teo aoriany, na ny teo alohany **6** Fa nifikitra tamin' i Jehovah izy ka tsy niala tamin' ny fanarahana Azy, fa nitandrina ny didy izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy. **7** Ary Jehovah nomba azy, ka dia nambinina tamin' izay nalehany rehetra izy; ary niodina tamin' ny mpanjakan' i Asyria izy ka tsy nanompo azy. **8** Izy no namely ny Filistina hatrany Gaza sy ny fari-taniny, ka noravany avokoa hatramin' ny tilikambon' ny mpiambina ka hatramin' ny tanàna mimànda. **9** Ary tamin' ny taona fahefatra nanjakan' i Hezekia mpanjaka (dia ny taona fahafito nanjakan' i Hosea, zanak' i Elaha, mpanjakan' ny Isiraely, izany) no niakaran' i Salmanesera mpanjakan' i Asyria, hamely an' i Samaria sy nanaovany fahirano azy. **10** Ary nony tapitra ny telo taona, dia afak' ireo ny tanàna; dia tamin' ny taona fahenina nanjakan' i Hezekia, izay taona fahasivy nanjakan' i Hosea, mpanjakan' ny Isiraely, no nahafahana an' i Samaria. **11** Ary ny mpanjakan' i Asyria nitondra ny Isiraely ho babo tany Asyria ka nametraka azy tao Hala sy teo amoron' i Habora, onin' i Gozana, ary teny amin' ny tanànan' ny Mediana, **12** Satria tsy nihaino ny feon' i Jehovah Andriamaniny izy, fa nivadika ny fanekeny, dia izay rehetra nandidian' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, ka tsy nihaino na nankato izany izy. **13** Ary tamin' ny taona fahefatra ambin' ny folo nanjakan' i Hezekia mpanjaka dia niakatra Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, hamely ny tanàna mimànda rehetra any Joda ka nahafaka azy. **14** Ary Hezekia, mpanjakan' ny Joda, naniraka tany amin' ny mpanjakan' i Asyria tany Lakisy nanao hoe: Efa diso aho, ialao aho, fa izay hampitondrainao ahy dia ho entiko. Ary ny mpanjakan' i Asyria nampandoa an' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda, talenta volafotsy telonjato sy talenta volamena telo-polo. **15** Ary Hezekia nanome azy ny volafotsy rehetra izay hita tao an-tranon' i Jehovah sy tao amin' ny rakitry ny tranon' ny mpanjaka. **16** Tamin' izany andro izany no nanendahan' i Hezekia ny volamena tamin' ny varavaran' ny tempolin' i Jehovah sy tamin' ny tolana, dia ilay efa napetak' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda; ary dia nomeny ho an' ny mpanjakan' i Asyria izany. **17** Ary ny mpanjakan' i Asyria naniraka an' i Tartana sy Rabasarisa ary Rabsake mbamin' ny miaramila betsaka avy

teo Lakisy hankany Jerosalema ho any amin' i Hezekia mpanjaka. Dia niakatra ireny ka tonga tany Jerosalema; ary nony tonga teo izy, dia nitsangana teo anilan' ny lakandrano amin' ny kamory ambony, teo an-dalambe mankamin' ny sahan' ny mpamotsy lamba. **18** Ary nony efa niantso ny mpanjaka izy, dia nivoaka ho eo aminy Eliakima, zanak' i Hilkia, izay lehiben' ny tao an-dapa, sy Sebna mpanoratra ary Joa, zanak' i Asafa, mpitadidy ny raharaham-panjakana. **19** Dia hoy Rabsake tamin' ireo: Andeha, lazao amin' i Hezekia hoe: Izao no lazain' ny mpanjaka lehibe, dia ny mpanjakan' i Asyria: Inona izato itokianao? **20** Hoy ianao (nefa teny foana izany): Manana saina sy hery hiady aho. Koa iza no itokianao, no miodina amiko ianao? **21** Fa, indro, ianao matoky io tehina volotara torotoro io, dia Egypta, nefa raha itehenan' olona iny, dia manindrona ny tànany miboroaka; tahaka izany Farao, mpanjakan' i Egypta, amin' izay rehetra matoky azy. **22** Ary raha hoy ianareo amiko: Jehovah Andriamanitray no itokianay, moa tsy Azy va ny fitoerana avo aman' alitara izay noravan' i Hezekia, izay nilaza tamin' ny Joda sy Jerosalema hoe: Eto anoloan' ity alitara eto Jerosalema ity no hiankohofanareo? **23** Koa aoka hifaninana ianao sy ny tompoko, mpanjakan' i Asyria, fa homeko soavaly roa arivo ianao, raha tàhiny manana olona hitaingina azy. **24** Hataonao ahoana no fampiamboho ny komandy iray amin' ny mpanompon' ny tompoko, na dia izay kely indrindra aminy aza? Nefa matoky an' i Egypta ianao hahazoanao kalesy sy mpitaingin-tsoavaly. **25** Koa moa haitraitro va izao niakarako izao? Tsia, fa Jehovah no naniraka ahy handrava ity tany ity ka nanao hoe: Miakara hamely ity tany ity, ka ravao izy. **26** Dia hoy Eliakima, zanak' i Hilkia, sy Sebna ary Joa tamin-dRabsake: Masìna ianao, teny Syriana no ataovy aminay mpanomponao, fa fantatray ihany izany; fa aza manao teny Jiosy ho ren' ny olona eny ambonin' ny mànda. **27** Fa hoy Rabsake taminy: Moa ho amin' ny tomponao sy ianao akory va no nanirahan' ny tompoko ahy hilaza izao teny izao, fa tsy ho amin' ny olona izay mipetraka eny ambonin' ny manda, hihinanany izay tsy fihinany sy hisotroany izay tsy fisotrony miaraka aminareo? **28** Dia nijoro teo Rabsake ka niantso tamin' ny feo mahery tamin' ny teny Jiosy hoe: Henoy ny tenin' ny mpanjaka lehibe, dia ny mpanjakan' i Asyria: **29** Izao no lazain' ny mpanjaka: Aza mety ho fitahin' i Hezekia ianareo, fa tsy hahavonjy anareo amin' ny tanako izy tsy akory. **30** Ary aza mety hampahatokin' i Hezetia an' i Jehovah ianareo amin' ny anaovany hoe: Jehovah no hamonjy antsika tokoa; ary tsy hatolotra eo an-tànan' ny mpanjakan' i Asyria tsy akory ity tanàna ity. **31** Aza mihaino an' i Hezekia; fa izao no lazain' ny mpanjakan' i Asyria: Manaova fanekena amiko hiadanana, ka mankanesa atỳ amiko, ary samia homana ny voalobony sy ny aviaviny, ary samia misotro ny rano avy amin' ny lavaka famorian-dranony avy ianareo, **32** mandrapihaviko hitondra anareo ho any amin' izay tany tahaka ny taninareo, dia tany misy vary sy ranom-boaloboka, tany misy mofo sy tanim-boaloboka, tany misy oliva tsara diloilo sy tantely, mba ho velona ianareo, fa tsy ho faty, ary aza mihaino an' i Hezekia, raha izy manome vohony anareo amin' ny anaovany hoe: Jehovah no hamonjy antsika. **33** Moa nisy nahavonjy ny taniny tamin' ny mpanjakan' i Asyria va ireo andriamanitry ny firenena? **34** Aiza moa ireo andriamanitr' i Hamata sy Arpada? Ary aiza koa ireo andriamanitr' i Sefarvaima sy Hena ary Iva? Nahavonjy an' i Samaria tamin' ny tanako va ireo andriamaniny? **35** Iza moa amin' ny andriamanitra rehetra amin' ny tany no efa nahavonjy ny taniny tamin' ny tanako, koa aiza no hahavonjen' i Jehovah an' i Jerosalema amin' ny tanako? **36** Nefa nangina ny olona, ka tsy nisy namaly azy na dia teny indraim-bava akory aza, satria ny mpanjaka efa nandidy hoe: Aza misy mamaly azy. **37** Ary Eliakima, zanak' i Hilkia izay lehiben' ny tao an-dapa, sy Sebna mpanoratra ary Joa, zanak' i Asafa, mpitadidy ny raharaham-panjakana, dia niditra nankao amin' i Hezekia, sady voatriatra ny fitafiany, ary nilaza taminy ny tenin-dRabsake izy.

19 Ary raha nandre izany Hezekia mpanjaka, dia nandriatra ny fitafiany izy sady nitafy lamba fisaonana ka lasa niditra tao an-tranon' i Jehovah, **2** Ary izy naniraka an' i Eliatima, lehiben' ny tao an-dapa, sy Sebna mpanoratra ary ny lohan' ny mpisorona samy nitafy lamba fisaonana hankany amin' Isaia mpaminany, zanak' i Amoza. **3** Ary hoy ireo taminy: Izao no lazain' i Hezekia: Andro fahoriana sy famaizana ary fanalam-baraka ity andro ity; fa mby ao am-piterahana ny zaza, nefa tsy misy hery hiterahana azy. **4** Angamba ho ren' i Jehovah Andriamanitrao ny teny rehetra nataon-dRabsake, izay nirahin' ny mpanjakan' i Asyria tompony hihaika an' Andriamanitra velona, ka mba hovaliany izy noho ny teniny izay efa ren' i Jehovah Andriamanitrao; koa aingao ny vavakao hamonjy izay mbola sisa. **5** Dia nankany amin' Isaia ny mpanompon' i Hezekia mpanjaka. **6** Ary hoy Isaia taminy: Ambarao amin' ny tomponareo hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Aza matahotra ny teny efa renao, dia izay nanompan' iretsy ankizilahin' ny mpanjakan' i Asyria iretsy Ahy. **7** Fa, indro, Izaho efa hanisy fanahy ao anatiny, ary hahare siosio izy ka hiverina ho any amin' ny taniny, dia hataoko lavon-tsabatra any an-taniny izy. **8** Dia niverina Rabsake ka nankany Libna, izay nataon' ny mpanjakan' i Asyria fahirano tamin' izay, satria efa reny fa efa niala tany Lakisy ny mpanjaka. **9** Ary nony ren' i Sankeriba ny amin' i Tiraka, mpanjakan' i Etiopia, nanao hoe: Indro, avy hiady aminao izy, dia naniraka olona indray ho any amin' i Hezekia izy nanao hoe: **10** Izao no holazainareo amin' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda: Aza mety hofitahin' ny Andriamanitrao Izay itokianao ianao hoe: Jerosalema tsy hatolotra eo an-tànan' ny mpanjakan' i Asyria. **11** Indro, ianao efa nandre izay nataon' ireo mpanjakan' i Asyria tamin' ny tany rehetra, dia ny nandravany azy; ka ianao kosa va no ho voavonjy? **12** Moa nahavonjy azy va ireo andriamanitry ny firenena noravan' ny razako, dia Gozana sy Harana sy Razefa ary ny taranak' i Edena, izay tao Telasara? **13** Aiza ny mpanjakan' i Hamata sy ny mpanjakan' i Arpada ary ny mpanjakan' ny tanàna Sefarvaima sy Hena ary Iva? **14** Dia noraisin' i Hezekia tamin' ny tanan' ny iraka ny taratasy ka novakiny, dia niakatra nankao an-tranon' i Jehovah izy ka namelatra iny teo anatrehan' i Jehovah. **15** Ary

Hezekia nivavaka teo anatrehan' i Jehovah nanao hoe: Ry Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, Izay mipetraka amin' ny kerobima, Hianao dia Hianao irery ihany no Andriamanitry ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany, fa Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany. **16** Atongilano ny sofinao, Jehovah ô, ka mihainoa; ahirato ny masonao, Jehovah ô, ka mijere, ary mandrenesa ny tenin' i Sankeriba, izay nampitondrainy hihaika an' Andriamanitra velona. **17** Jehovah ô, marina ihany tokoa fa ireo mpanjakan' i Asyria dia efa nandrava ny jentilisa sy ny taniny **18** ary efa nanary ny andriamaniny tao anaty afo, satria tsy Andriamanitra ireny, fa asan' ny tànan' olona ihany, dia hazo sy vato; ka dia azony nosimbana. **19** Koa ankehitriny, Jehovah Andriamanitray ô, mitaraina aminao aho, vonjeo izahay amin' ny tànany, mba hahafantaran' ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany fa Hianao dia Hianao irery ihany, Jehovah ô, no Andriamanitra. **20** Ary Isaia, zanak' i Amoza, dia naniraka hankany amin' i Hezekia, nanao hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Ilay fitarainana nataonao tamiko ny amin' i Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, dia efa nohenoiko. **21** Koa izao no teny nolazain' i Jehovah ny amin' i Sankeriba: Manao tsinontsinona sy mandatsalatsa anao Ziona, zanakavavy virijina: Mihifikifi-doha mahita anao mandositra Jerosalema zanakavavy. **22** Fa iza no nohaikainao sy nompanao? Ary hanohitra an' iza no nanandratanao ny feonao sy nampiandrandranao ny masonao any ambony hanohitra ny Iray Masin' ny Isiraely. **23** Ny irakao no nihaikanao ny Tompo hoe: Tamin' ny kalesiko maro no niakarako tany an-tampon' ny tendrombohitra, tao afovoan' i Libanona, ary hokapaiko ny sedera avo sy ny kypreso voafantina; dia hiditra any amin' ny faran' ny azo iakarana ao aho sy any amin' ny alany midokadoka. **24** Izaho no nihady ka nisotro rano vao niseho, ary ny faladiako no handritako ny ony mbamin' ny lahin-drano rehetra any Egypta. **25** Tsy mbola renao va, hoy Jehovah, fa hatry ny fony ela no nanomanako izany, ary hatramin' ny andro taloha no nikasako izany? ankehitriny dia efa nahatanteraka izany Aho, ka dia nandrava tanàna mimanda ho tonga korontambato ianao. **26** Ary efa tsy nahatohitra ny mponina any, sady raiki-tahotra no mangaihay izy; efa tahaka ny ahitra any an-tsaha izy ary tahaka ny ahi-maitso sy ny ahitra eo amin' ny tampon-trano, ary tahaka ny vary maty raha vao mitsiry. **27** Fa samy fantatro avokoa ny ipetrahanao sy ny ivoahanao sy ny idiranao ary ny fahatezeranao amiko. **28** Satria efa tezitra amiko ianao, ary efa tonga ato an-tsofiko ny fireharehanao, dia hasiako ny masom-biko ny oronao, ary hasiako ny lamboridiko ny vavanao, ary hampivereniko amin' ny lalana izay nihavianao ianao. **29** Ary izao no ho famantarana ho anao kosa: Hihinana ny maniry ho azy avy tamin' ny voa mihintsana ianareo iray taona, ary amin' ny taona manaraka dia ny kolokolon' izany, fa amin' ny taona fahatelo kosa dia mamafaza ianareo, ka mijinjà, ary manaova tanim-boaloboka, ka mihinàna izay vokatra eo. **30** Ary izay sisa amin' ny taranak' i Joda dia mbola hamaka lalindalina kokoa sady hisondrotra hamoa. **31** Fa hisy sisa hiseho avy any Jerosalema sy sisa afaka avy any an-tendrombohitra Ziona; ny fahasaro-piaron' i Jehovah, Tompon' ny maro, no hanao izany. **32** Koa izao no lazain' i Jehovah ny amin' ny mpanjakan' i Asyria: Tsy ho tafiditra amin' ity tanàna ity izy, na handefa zana-tsipìka ho ato, na hitondra ampinga eo anoloany, na hanandratra tovontany hamelezany ity. **33** Ny lalana izay nihaviany ihany no hiverenany, fa tsy ho tafiditra amin' ity tanàna ity izy, hoy Jehovah. **34** Fa hiaro ity tanàna ity Aho ka hamonjy azy noho ny amin' ny tenako sy Davida mpanompoko. **35** Ary tamin' ny alin' io dia avy ilay Anjelin' i Jehovah ka namely olona dimy arivo amby valo alina sy iray hetsy tao antobin' ny Asyriana; ary nony maraina koa vao nifoha olona, dia hita fa, indreo, efa maty avokoa ireo. **36** Dia niainga Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, ka lasa nody ary nitoetra tany Ninive. **37** Ary raha niankohoka tao an-tranon' i Nisroka andriamaniny izy, dia nasian' i Adrameleka sy Sarezera zananilahy ny sabatra izy; ary dia afaka nandositra nankany amin' ny tany Ararata izy mirahalahy. Ary Esara-hadona zananilahy no nanjaka nandimby azy.

20 Ary tamin' izany andro izany dia narary saiky maty Hezekia. Ary Isaia mpaminany, zanak' i Amoza, nankao aminy ka nilaza taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Hafaro ny ankohonanao, fa ho faty ianao, fa tsy ho velona. **2** Dia nitodika nankany amin' ny rindrina izy ka nivavaka tamin' i Jehovah hoe: **3** Jehovah ô, enga anie ka hotsarovanao ny nandehanako teo anatrehanao tamin' ny fahamarinana sy tamin' ny foko rehetra ary ny nanaovako izay tsara eo imasonao. Dia nitomany mafy dia mafy izy. **4** Ary raha tsy mbola tafavoaka ny tanàna afovoany Isaia, dia tonga taminy ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **5** Miverena, ka lazao amin' i Hezekia, mpanapaka ny oloko, hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitr' i Davida rainao: Efa nohenoiko ny fitarainanao, ary efa hitako ny ranomasonao; indro, hahasitrana anao Aho, ka raha afaka ampitso dia hiakatra ho ao an-tranon' i Jehovah ianao. **6** Ary hampiako dimy ambin' ny folo taona ny andronao; sady hamonjy anao sy ity tanàna ity amin' ny tanan' ny mpanjakan' i Asyria Aho; ary hiaro ity tanàna ity Aho noho ny amin' ny tenako sy Davida mpanompoko. **7** Ary hoy Isaia: Makà ampempan' aviavy. Ary dia nalainy ka napetany tamin' ny vay, dia sitrana izy. **8** Ary hoy Hezekia tamin' i Isaia: Inona no famantarana fa hositranin' i Jehovah aho ka hiakatra any an-tranon' i Jehovah raha afaka ampitso? **9** Dia hoy Isaia: Izao no famantarana ho anao avy amin' i Jehovah hahalalanao fa Jehovah hanao izay zavatra nolazainy: handroso hàdiny folo va ny aloka, sa hiverina hàdiny folo? **10** Ary Hezekia namaly hoe: Mora foana ny handrosoan' ny aloka hàdiny folo; tsy izany, fa aoka ny aloka hiverina hàdiny folo. **11** Ary Isaia mpaminany nitaraina tamin' i Jehovah, ka nampiverina ny aloka hàdiny folo Jehovah, dia ilay nidinany teo amin' ny dialin' i Ahaza. **12** Tamin' izany andro izany no nampitondran' i Berodaka baladana, zanak' i Baladana, mpanjakan' i Babylona, taratasy sy fanomezana ho an' i Hezekia; fa efa reny fa narary izy. **13** Ary Hezekia nandray azy ka naneho azy ny trano rehetra fitehirizany zava-tsoa, dia volafotsy sy volamena sy zava-manitra ary menaka

tsara, sy ny trano fitehirizana ny fiadiany rehetra mbamin' izay rehetra tao amin' ny firaketany: tsy nisy zavatra tsy nasehon' i Hezekia azy, na ny tao an-tranony, na ny tao amin' ny fanjakany rehetra. **14** Dia nankany amin' i Hezekia mpanjaka Isaia mpaminany ka nanao taminy hoe: Ahoana no nolazain' ireo olona nankaty aminao ireo, ary avy taiza moa izy? Ary hoy Hezekia: Avy tany an-tany lavitra izy, dia avy tany Babylona. **15** Dia hoy izy: Ka inona avy anefa no hitany tato an-tranonao? Ary hoy Hezekia: Izay rehetra ato an-tranoko dia efa hitany avokoa: tsy misy zavatra tsy nasehoko azy ny ato amin' ny firaketako rehetra. **16** Ary hoy Isaia tamin' i Hezekia: Henoy ary ny tenin' i Jehovah: **17** Indro, avy ny andro, ka ho entina ho any Babylona izay rehetra ao an-tranonao sy izay rehetra noharin' ny razanao ka voarakitra mandraka androany; eny, tsy hisy sisa hijanona na inona na inona, hoy Jehovah. **18** Ary na dia ny terakao aza dia hisy ho entiny koa; ka ho tandonaka any amin' ny lapan' ny mpanjakan' i Babylona ireo. **19** Dia hoy Hezekia tamin' Isaia: Tsara ny tenin' i Jehovah izay nolazainao. Ary hoy koa izy: Eny, tsy izany va, raha misy fiadanana amin' ny androko ka handry fahizay? **20** Ary ny tantaran' i Hezekia sisa sy ny heriny rehetra mbamin' ny nanaovany ny kamory sy ny lakan-drano nitarihany rano ho ao an-tanàna, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **21** Ary Hezekia lasa nodimandry any amin' ny razany; ary Manase zanany no nanjaka nandimby azy

21 Roa ambin' ny folo taona Manase, fony izy vao nanjaka, ary dimy amby dimam-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Hefziba. **2** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy tahaka ny fahavetavetan' ny firenena izay noroahin' i Jehovah tsy ho eo anoloan' ny Zanak' Isiraely. **3** Fa namboariny indray ny fitoerana avo, izay noravan' i Hezekia rainy, ka nanangana alitara ho an' i Bala izy sady nanao Aseraha, tahaka izay nataon' i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely; ary niankohoka teo anatrehan' izay rehetra eny amin' ny lanitra izy ka nanompo ireny, **4** sady nanao alitara tao an-tranon' i Jehovah koa izy, dia tao amin' izay nolazain' i Jehovah hoe: Ao Jerosalema no hasiako ny anarako. **5** Fa nanao alitara teo anatin' ny kianja roa tamin' ny tranon' i Jehovah ho an' izay rehetra eny amin' ny lanitra izy. **6** Ary ny zanany nampamakiny ny afo, sady nanandro sy nanao sikidy izy ary naka ny manao azy ho tsindrian-javatra sy ny mpanao hatsarana, ary nahery nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy ka nampahatezitra Azy. **7** Ary ny sarin' i Astarta izay nataony dia napetrany tao amin' ny trano nolazain' i Jehovah tamin' i Davida sy Solomona zanany hoe: Ato amin' ity trano ity sy eto Jerosalema, izay nofidiko tamin' ny firenen' Isiraely rehetra, no hasiako ny anarako mandrakizay. **8** Ary tsy hampandeha ny tongotry ny Isiraely intsony hiala amin' ny tany izay nomeko ny razany Aho, raha mba hitandrina ka hanao araka izay rehetra nandidiako azy sy araka ny lalàna rehetra izay nandidian' i Mosesy mpanompoko azy ihany izy. **9** Nefa tsy nihaino izy; fa Manase nitaona azy hanao ratsy mihoatra noho ny nataon' ny jentilisa, izay naringan' i Jehovah tsy ho eo anoloan' ny Zanak' Isiraely. **10** Ary Jehovah nampilaza ny mpaminany mpanompony hoe: **11** Satria Manase, mpanjakan' ny Joda, nanao izao fahavetavetana izao ka nanao ratsy mihoatra noho izay rehetra nataon' ny Amorita izay teo alohany sady nampanota ny Joda tamin' ny sampiny, **12** dia izao kosa no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, hahatonga loza amin' i Jerosalema sy ny Joda Aho, ka izay rehetra mandre izany dia hangintsingintsina ny sofiny roa. **13** Ary hohenjaniko ato Jerosalema ny famolainan' i Samaria sy ny pilaon' ny taranak' i Ahaba; ary hamaoka an' i Jerosalema Aho, toy ny olona mamaoka lovia ka sady mamaoka no manohoka azy koa. **14** Ary hafoiko ny lovako sisa ka hatolotro ho eo an-tànan' ny fahavalony; dia ho sambotra sy ho babon' ny fahavalony rehetra izy, **15** satria efa nanao izay ratsy eo imasoko izy ka nampahatezitra Ahy hatramin' ny andro nivoahan' ny razany avy any Egypta ka mandraka androany. **16** Ary na dia ny rà marina aza dia nalatsak' i Manase be dia be mandra-pamenony an' i Jerosalema rehetra, ho fanampin' ny ota izay nampanotany ny Joda tamin' ny nanaovany izay ratsy eo imason' i Jehovah. **17** Ary ny tantaran' i Manase sisa mbamin' izay rehetra nataony sy ny fahotana izay nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **18** Ary Manase lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina teo an-tanimboly eo ala-tranony amin' ny sahan' i Oza; ary Amona zanany no nanjaka nandimby azy. **19** Roa amby roa-polo taona Amona, fony izy vao nanjaka, ary roa taona no nanjakany tany Jerosalema, Ary ny anaran-dreniny dia Mesolemeta, zanakavavin' i Haroza, avy any Jotba. **20** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah koa izy tahaka ny nataon' i Manase rainy. **21** Fa nandeha tamin' ny lalana rehetra izay efa nalehan-drainy izy ka nanompo ny sampy izay notompoin-drainy sady niankohoka teo anatrehany. **22** Ary nahafoy an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, izy, fa tsy nandeha tamin' ny lalan' i Jehovah. **23** Ary ny mpanompon' i Amona mpanjaka nikomy taminy ka namono azy tao an-tranony. **24** Ary ny vahoaka namono izay rehetra nikomy tamin' i Amona mpanjaka, dia nampanjaka an' i Josia zanany hisolo azy. **25** Ary ny tantaran' i Amona sisa, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **26** Ary nalevina tao amin' ny fasany tao amin' ny sahan' i Oza izy; ary Josia zanany no nanjaka nandimby azy.

22 Valo taona Josia, fony vao nanjaka, ary iraika amby telo-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Jedida, zanakavavin' i Adaia, avy any Bozkata. **2** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah kosa izy ka nandeha tamin' izay rehetra nalehan' i Davida rainy, fa tsy mba nivily, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia. **3** Ary tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folo nanjakan' i Josia mpanjaka, dia naniraka an' i Safana mpanoratra, zanak' i Azalia, zanak' i Mesolama, izy ho any an-tranon' i Jehovah ka nanao hoe: **4** Miakara any amin' i Hilkia mpisoronabe, hanisany ny vola izay nampidirina ho

ao an-tranon' i Jehovah, dia izay nangonin' ny mpiandry varavarana tamin' ny olona; **5** ary aoka hatolony ho eo an-tànan' ny mpanao raharaha izay voatendry ny amin' ny tranon' i Jehovah izany; ary aoka homen' ireo ho an' ny mpiasa izay ao an-tranon' i Jehovah hanamboarany ny simba amin' ny trano, **6** dia ho an' ny mpandrafitra sy ny mpandatsa-bato ary ny mpipaika, dia hividianana hazo sy vato voapaika hanamboarana ny trano. **7** Kanefa tsy nampamoahina ny amin' ny vola natolotra teo an-tànany ireo, fa nahatoky izy. **8** Dia hoy Hilkia mpisoronabe tamin' i Safana mpanoratra: Ny bokin' ny lalàna dia hitako tao an-tranon' i Jehovah. Dia natolotr' i Hilkia an' i Safana ny boky ka novakiny. **9** Ary Safana mpanoratra niverina ho any amin' ny mpanjaka nitondra valiny nanao hoe: Ny mpanomponao dia efa nandrotsaka ny vola izay azo tao an-trano ka nanolotra azy teo an-tànan' ny mpanao raharaha izay voatendry ny amin' ny tranon' i Jehovah. **10** Ary Safana mpanoratra nilaza koa tamin' ny mpanjaka hoe: Misy boky nomen' i Hilkia mpisorona ahy. Dia novakin' i Safana teo anatrehan' ny mpanjaka ny boky. **11** Ary rehefa ren' ny mpanjaka ny teny tao amin' ilay bokin' ny lalàna, dia nandriatra ny fitafiany izy. **12** Ary ny mpanjaka nandidy an' i Hilkia mpisorona sy Ahikama, zanak' i Safana, sy Akbora, zanak' i Mikaia, sy Safana mpanoratra ary Asaia, mpanompon' andriana, hoe: **13** Mandehana ianareo, ka manontania amin' i Jehovah ho ahy sy ny vahoaka mbamin' ny Joda rehetra ny amin' ny tenin' ity boky vao hita ity, fa mafy ny fahatezeran' i Jehovah izay mirehitra amintsika noho ny tsy nihainoan' ny razantsika ny tenin' ity boky ity hanao araka izay rehetra voasoratra ho antsika. **14** Dia nandeha Hilkia mpisorona sy Ahikama sy Akbora sy Safana ary Asaia ka nankany amin' i Holda mpaminanivavy, vadin' i Saloma, zanak' i Tikva, zanak' i Harasa, mpitahiry ny fitafiana (fa nitoetra tao amin' ny tanàna ambany tany Jerosalema ravehivavy); dia niresaka taminy izy ireo. **15** Ary hoy ravehivavy taminy Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Lazao amin' ny lehilahy izay naniraka anareo ho atỳ amiko hoe: **16** Izao no lazain' i Jehovah: Indro, Izaho hahatonga loza amin' ity tanàna ity sy amin' ny mponina eto, dia araka izay rehetra lazain' ny boky novakin' ny mpanjakan' ny Joda. **17** Satria nahafoy Ahy izy ary nandoro ditin-kazo manitra tamin' izay andriamani-kafa ka nampahatezitra Ahy amin' izay rehetra nataon' ny tànany, dia mirehitra amin' ity tanàna ity ny fahatezerako ka tsy hosakanana. **18** Fa ny amin' ny mpanjakan' ny Joda izay naniraka anareo hanontany amin' i Jehovah kosa anefa, dia ambarao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Ny amin' ny teny izay novakinao, **19** satria nino anatra ianao ka nanetry tena teo anatrehan' i Jehovah, raha nandre izay nolazaiko ny amin' izay hanjo ity tanàna ity sy ny mponina eto dia ny handravana azy sy ny hahatongavany ho fanozonana ka nandriatra ny fitafianao sady nitomany teo anatrehako ianao, dia Izaho kosa efa nihaino, hoy Jehovah. **20** Koa, indro, hangoniko any amin' ny razanao ianao ary hangonina any amin' ny fasanao amin' ny fiadanana; ary ny masonao tsy mba hahita izay loza rehetra ho entiko mamaly ity tanàna ity. Dia nitondra valiny ho any amin' ny mpanjaka izy ireo.

23 Ary nanirahan' ny mpanjaka, ka dia vory tany aminy ny loholon' ny Joda Jerosalema rehetra. **2** Dia niakatra ho ao an-tranon' i Jehovah ny mpanjaka, ary nanaraka azy ny lehilahy rehetra amin' ny Joda sy ny mponina rehetra tany Jerosalema mbamin' ny mpisorona sy ny mpaminany ary ny vahoaka rehetra, na kely na lehibe; ary novakiny teo anatrehany ny teny rehetra tamin' ny bokin' ny fanekena izay hita tao an-tranon' i Jehovah. **3** Ary ny mpanjaka nitsangana teo amin' ny fitoeran' andriana, dia nanao fanekena teo anatrehan' i Jehovah hanaraka Azy sy hitandrina ny lalàny sy ny teni-vavolombelony ary ny didiny amin' ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra, hankatò ny tenin' ny fanekena sy izay voasoratra ao amin' izany boky izany. Ary ny vahoaka rehetra koa dia mba nanaiky ny fanekena. **4** Ary ny mpanjaka nandidy an' i Hilkia mpisoronabe sy ireo mpisorona manarakaraka ary ny mpiandry varavarana hamoaka ny fanaka rehetra izay natao ho an' i Bala sy Astarta ary ho an' izay rehetra eny amin' ny lanitra hiala amin' ny tempolin' i Jehovah; ka nodorany tany ivelan' i Jerosalema teny amin' ny saha amoron' i Kidrona ireny, ary nentiny ho any Betela ny vovony. **5** Ary natsahany koa ny mpisorona amin' ny andriamani-tsi-izy, izay notendren' ny mpanjakan' ny Joda handoro ditin-kazo manitra eny amin' ny fitoerana avo tany amin' ny tanànan' ny Joda sy tamin' ny manodidina an' i Jerosalema, sy izay nandoro ditin-kazo manitra koa ho an' i Bala, dia ny masoandro, ary ho an' ny volana sy ny kintana amin' ny Zodiaka ary ho an' izay rehetra eny amin' ny lanitra. **6** Ary ny Aseraha navoakany hiala amin' ny tranon' i Jehovah ho any ivelan' i Jerosalema, ao amin' ny lohasahan-driaka Kidrona; ary nodorany tao io ka notorotoroiny ho vovoka, ary ny vovony nafafiny teny ambonin' ny fasam-bahoaka. **7** Ary noravany ny tranon' ny olona nanolo-tena hijangajanga ho fanompoan-tsampy izay teo amin' ny tranon' i Jehovah, dia ireo nanenoman' ny vehivavy lay ho an' i Astarta. **8** Ary nampaka ny mpisorona rehetra avy tamin' ny tanànan' ny Joda izy, dia nolotoiny ny fitoerana avo, izay nandoroan' ny mpisorona ditin-kazo manitra, hatrany Geba ka hatrany Beri-sheba ary noravany ny fitoerana avo tao akaikin' ny vavahady, dia ilay teo anoloan' ny vavahadin' i Josoa, komandin' ny tanàna, sy ilay teo an-kavia raha miditra amin' ny vavahadin' ny tanana. **9** Fa ny mpisorona tamin' ny fitoerana avo tsy navela hanatitra teo ambonin' ny alitaran' i Jehovah any Jerosalema; nefa nahazo niara-nihinana mofo tsy misy masirasira tamin' ny rahalahiny ihany izy. **10** Ary nolotoiny koa Tofeta, izay eo amin' ny lohasahan' ny taranak' i Hinoma, mba tsy hisy hampandeha ny zananilahy na ny zananivavy hamaky ny afo ho an' i Moloka intsony. **11** Ary ny soavaly izay nohamasinin' ireo mpanjakan' ny Joda ho an' ny masoandro ka nataony teo amin' ny fidirana ho ao an-tranon' i Jehovah, teo akaikin' ny efi-tranon' i Natana-meleka tandapa, izay tao Parvara, dia nesoriny; ary ny kalesin' ny masoandro nodorany tamin' ny afo. **12** Ary ireo alitara teo an-tampon-trano ambony

amin' ny tranon' i Ahaza, izay nataon' ireo mpanjakan' ny Joda, sy ny alitara izay nataon' i Manase tao anatin' ny kianja roa tamin' ny tranon' i Jehovah, dia noravan' ny mpanjaka ka notorotoroiny, dia nafafiny tany amin' ny lohasahan-driaka Kidrona ny vovony. **13** Ary nolotoin' ny mpanjaka ireo fitoerana avo izay teo anoloan' i Jerosalema, teo amin' ny ankavanan' ny tendrombohitra nahitan-doza, dia ireo nataon' i Solomona, mpanjakan' ny Isiraely, ho an' i Astarta, fa havetavetan' ny Sidoniana, sy ho an' i Kemosy, fahavetavetan' i Moaba, ary ho an' i Milkoma, fahavetavetan' ny taranak' i Amona. **14** Dia notorotoroiny ny tsangam-baton-tsampy sady nokapainy koa ny Aseraha, ka nofenoiny taolan' olona ny nitoerany. **15** Ary ny alitara izay tao Betela sy ny fitoerana avo izay nataon' i Jeroboama, zanak' i Nebata, ilay nampanota ny Isiraely, dia noravany koa; ary nodorany ny fitoerana avo ka notorotoroiny ho vovoka, ary nodorany koa ny Aseraha. **16** Ary nitodika Josia ka nahita ny fasana teny an-tendrombohitra, dia naniraka naka ny taolana tao am-pasana, ary nodorany teo ambonin' ny alitara ireny nandotoany azy, araka ny tenin' i Jehovah, izay notorin' ilay lehilahin' Andriamanitra. **17** Dia hoy izy: Tsangam-baton' iza itsy hitako itsy? Ary hoy ny mponina tao an-tanana taminy: Fasan' ilay lehilahin' Andriamanitra izay avy tany Joda io, dia ilay nitory izao zavatra nataonao tamin' ny alitara eto Betela izao. **18** Ary hoy izy: Aoka itsy; aza misy manetsika ny taolany akory. Dia tsy nokasihiny ny taolany sy ny taolan' ilay mpaminany avy tany Samaria. **19** Ary ny trano rehetra tamin' ny fitoerana avo, izay teny amin' ny tanànan' i Samaria, izay nataon' ireo mpanjakan' ny Isiraely ka nahatonga fahatezerana, dia noravan' i Josia koa ka nataony araka izay rehetra efa navony tany Betela. **20** Ary ny mpisorona rehetra izay teo, dia ny mpisorona amin' ny fitoerana avo, novonoiny teo ambonin' ny alitara, sady nandoro taolan' olona teo koa izy, dia niverina nankany Jerosalema. **21** Ary ny mpanjaka nandidy ny vahoaka rehetra hoe: Tandremo ny Paskan' i Jehovah Andriamanitrareo, araka ny voasoratra ao amin' ny bokin' ity fanekena ity. **22** Fa tsy nisy Paska notandremana toy izany hatramin' ny andron' ny mpitsara izay nitsara ny Isiraely, na tamin' ny andro rehetra nanjakan' ny mpanjakan' ny Isiraely sy ny mpanjakan' ny Joda; **23** fa tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folo nanjakan' i Josia mpanjaka no nitandremany izany Paska izany ho an' i Jehovah tany Jerosalema. **24** Ary ny nanao azy ho tsindrian-javatra sy ny mpanao hatsarana sy ny terafima sy ny sampy ary ny fahavetavetana rehetra izay hita tany amin' ny tany Joda sy tany Jerosalema dia nesorin' i Josia koa, mba hanatanterahana ny tenin' ny lalàna voasoratra ao amin' ilay boky hitan' i Hilkia mpisorona tao an-tranon' i Jehovah. **25** Ary tsy nisy mpanjaka tahaka azy teo alohany, izay niverina ho amin' i Jehovah tamin' ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra sy ny heriny rehetra araka ny lalàn' i Mosesy rehetra; sady tsy nisy tahaka azy intsony niseho tao aoriany. **26** Nefa Jehovah tsy nitsahatra tamin' ny firehetan' ny fahatezerany mafy, dia ilay fahatezerana nirehitra tamin' ny Joda noho ny fampahatezerana rehetra izay nampahatezeran' i Manase Azy. **27** Dia hoy Jehovah: Hesoriko koa ny Joda hiala eo imasoko, tahaka ny nanesorako ny Isiraely, ary holaviko ity tanàna Jerosalema nofidiko ity sy ny trano izay nolazaiko hoe: Ho ao ny anarako. **28** Ary ny tantaran' i Josia sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **29** Tamin' ny andro nanjakan' i Josia no niakaran' i Farao-neko, mpanjakan' i Egypta, hankany amoron' ny ony Eofrata hiady amin' ny mpanjakan' i Asyria; ary Josia mpanjaka dia nandeha hiady amin' i Farao. Kanjo nony hitany, dia matiny tao Megido izy. **30** Ary ny fatiny dia napetraky ny mpanompony tao anaty kalesy ka nentiny niala tao Megido ho any Jerosalema, dia naleviny tao amin' ny fasany. Ary nalain' ny vahoaka Joahaza, zanak' i Josia, dia nohosorany ka nampanjakainy handimby an-drainy. **31** Telo amby roa-polo taona Joahaza fony izy vao nanjaka, ary telo volana no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Hamotala, zanakavavin' i Jeremia, avy any Libna. **32** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy tahaka izay rehetra nataon' ny razany. **33** Ary nafatotr' i Farao-neko tao Ribla any amin' ny tany Hamata izy, mba tsy hanjakany any Jerosalema, sady nampandoaviny sazy talenta volafotsy zato sy talenta volamena iray ny fanjakana. **34** Ary Farao-neko nanendry an' i Eliakima, zanak' i Josia, ho mpanjaka hisolo an' i Josia rainy; ary ny anarany novany ho Joiakima, fa Joahaza kosa dia nentiny ho any Egypta ka maty tany. **35** Ary ny volafotsy sy ny volamena dia nomen' i Joiakima an' i Farao; kanefa notombanany avokoa ny olona rehetra araka ny didin' i Farao, ary ny vahoaka rehetra dia samy nampandoaviny vola araka ny tombany avy, mba homeny an' i Farao-neko. **36** Dimy amby roa-polo taona Joiakima, fony izy vao nanjaka, ary nanjaka iraika ambin' ny folo taona tany Jerosalema izy. Ary ny anaran-dreniny dia Zebida, zanakavavin' i Pedaia, avy any Romaha. **37** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy tahaka izay nataon' ny razany.

24 Tamin' ny andro nanjakan' i Joiakima no niakaran' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, ary nanoa azy telo taona Joiakima, dia nivadika ka niodina taminy. **2** Ary Jehovah nampandeha ny miaramilan' ny Kaldeana sy ny miaramilan' ny Syriana sy ny miaramilan' i Moaba ary ny miaramilan' ny taranak' i Amona hiady aminy: dia nampandehaniny hiady amin' ny Joda ireo mba handrava azy araka ny tenin' i Jehovah, izay nampilazainy ny mpaminany mpanompony. **3** Dia araka ny tenin' i Jehovah ihany no nahatongavan' izany tamin' ny Joda, hanesorany azy tsy ho eo imasony noho ny fahotan' i Manase tahaka izay rehetra nataony **4** sy noho ny rà marina izay nalatsany koa; fa nofenoiny rà marina Jerosalema; koa izany no tsy netezan' i Jehovah hamela ny helony. **5** Ary ny tantaran' i Joiakima sisa mbamin' izay rehetra nataony, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Joda va izany? **6** Ary Joiakima lasa nodimandry any amin' ny razany, ka Joiakina zanany no nanjaka nandimby azy. **7** Ary ny mpanjakan' i Egypta tsy nivoaka avy tany amin' ny taniny intsony; fa lasan' ny mpanjakan' i Babylona izay rehetra an' ny mpanjakan' i Egypta hatramin' ny lohasahan-

driak' i Egypta ka hatramin' ny ony Eofrata. **8** Valo ambin' ny folo taona Joiakina, fony izy vao nanjaka, ary telo volana no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Nehosta, zanakavavin' i Elnatana, avy any Jerosalema. **9** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy tahaka izay rehetra nataon-drainy. **10** Tamin' izany andro izany no niakaran' ny mpanompon' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, hamely an' i Jerosalema, ary nataony fahirano ny tanàna. **11** Dia tonga koa Nebokadnezera, mpanjakan' i Babylona, hamely ny tanàna, raha mbola nanao fahirano azy ny mpanompony. **12** Ary Joiakina, mpanjakan' ny Joda, nivoaka nankany amin' ny mpanjakan' i Babylona, dia izy sy ny reniny ary ny mpanompony sy ny mpanapaka mbamin' ny tandapany; ary nentin' ny mpanjakan' i Babylona izy tamin' ny taona fahavalo nanjakany. **13** Ary navoakan' i Nebokadnezara avy tao ny rakitra rehetra tao an-tranon' i Jehovah sy tao an-tranon' ny mpanjaka, dia nendahany ny volamena rehetra izay nataon' i Solomona, mpanjakan' ny Isiraely, tao amin' ny tempolin' i Jehovah, araka izay nolazain' i Jehovah. **14** Ary nentiny ho babo ny tao Jerosalema rehetra sy ny mpanapaka rehetra sy ny lehilahy mahery rehetra, dia olona iray alina, mbamin' ny mahay tao-zavatra rehetra sy ny mpanefy koa, ka tsy nisy sisa navelany afa-tsy izay tompon-tany faraidina. **15** Ary nitondra an' i Joiakina koa ho babo any Babylona izy; ary ny renin' ny mpanjaka sy ny vadin' ny mpanjaka sy ny tandapa sy ny lehilahy mahery amin' ny tany dia nentiny ho babo avy tany Jerosalema ho any Babylona. **16** Ary ny lehilahy mahery rehetra, dia fito arivo, ary ny mahay tao-zavatra sy ny mpanefy arivo lahy, izay samy mahery sy mahay miady, dia nentin' ny mpanjakan' i Babylona ho babo tany Babylona avokoa. **17** Ary Matania, rahalahin-drainy, no notendren' ny mpanjakan' i Babylona ho mpanjaka hisolo an' i Joiakina, ka novany hoe Zedekia no anarany. **18** Iraika amby roa-polo taona Zedekia, fony izy vao nanjaka, ary iraika ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Hamotala, zanakavavin' i Jeremia, avy any Libna. **19** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, tahaka izay rehetra nataon' i Joiakima. **20** Fa ny fahatezeran' i Jehovah no nahatongavan' izany tamin' i Jerosalema sy ny Joda ambara-pandroakany azy tsy ho eo anatrehany. Ary Zedekia niodina tamin' ny mpanjakan' i Babylona.

25 Ary tamin' ny andro fahafolo tamin' ny volana fahafolo tamin' ny taona fahasivy nanjakan' i Zedekia dia tonga Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, sy ny miaramilany rehetra hamely an' i Jerosalema indray ka nitoby tandrifiny; ary nanao tilikambo manodidina azy izy. **2** Ary nataony fahirano ny tanàna hatramin' ny taona fahiraika ambin' ny folo nanjakan' i Zedekia mpanjaka. **3** Ary tamin' ny andro fahasivy tamin' ny volana fahefatra dia mafy ny mosary tao an-tanàna, fa tsy nisy hanina ho an' ny olona tompon-tany. **4** Ary nisy voabanga ny tanana, dia nandositra alina ny miaramila rehetra tamin' ny lalana nankamin' ny vavahady tanelanelan' ny manda roa, izay eo anilan' ny sahan' ny mpanjaka (fa ny Kaldeana nanodidina ny tanàna), ary ny mpanjaka nandeha tamin' ny lalana mankeny amin' ny tani-hay. **5** Ary ny miaramilan' ny Kaldeana nanenjika ny mpanjaka ka nahatratra azy teny amin' ny tani-hay any Jeriko; dia nipariaka nandao azy ny miaramilany rehetra. **6** Ary voasambotra ny mpanjaka ka nentina niakatra ho any amin' ny mpanjakan' i Babylona tao Ribla, ka dia notsaraina tao izy. **7** Ary ny zanakalahin' i Zedekia dia novonoiny teo imason-drainy, ary ny mason' i Zedekia kosa nopotsiriny, dia nafatony tamin' ny gadra varahina izy ka nentiny nankany Babylona. **8** Ary tamin' ny andro fahafito tamin' ny volana fahadimy tamin' ny taona fahasivy ambin' ny folo nanjakan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona dia tonga tany Jerosalema Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, mpanompon' ny mpanjakan' i Babylona, **9** ka nandoro ny tranon' i Jehovah sy ny tranon' ny mpanjaka mbamin' ny trano rehetra tany Jerosalema: ny trano lehibe rehetra dia nodorany tamin' ny afo avokoa. **10** Ary ny manda manodidina an' i Jerosalema dia noravan' ny miaramilan' ny Kaldeana rehetra, izay nanaraka ny lehiben' ny mpiambina. **11** Ary izay olona sisa tao an-tanana sy izay efa nandositra nanatona ny mpanjakan' i Babylona ary ny vahoaka betsaka sisa dia nentin' i Neborazadana, lehiben' ny mpiambina, ho babo avokoa. **12** Nefa ny olona malahelo dia nisy navelany ihany ho mpamboatra tanim-boaloboka sy ho mpiasa tany. **13** Ary ireo andry varahina teo an-tranon' i Jehovah sy ny fitoeran-tavin-drano sy ny tavin-drano varahina lehibe izay teo an-tranon' i Jehovah dia notorotoroin' ny Kaldeana, ka nentiny ho any Babylona ny varahina. **14** Ary nentiny koa ny vilany fandraofan-davenona sy ny sotron' afo sy ny antsy sy ny lovia kely ary ny fanaka varahina rehetra izay nenti-nanao fanompoam-pivavahana. **15** Ary nentiny koa ny fitoeran-davenon-jiro sy ny lovia famafazana na ny volamena na ny volafotsy dia samy nentiny avokoa **16** ary ny andry roa sy ny tavin-drano lehibe iray ary ireo fitoeran-tavin-drano, izay nataon' i Solomona ho amin' ny tranon' i Jehovah; ny varahina tamin' izany fanaka rehetra izany dia tsy hita lanja. **17** Valo ambin' ny folo hakiho ny hahavon' ny andry iray, ary varahina ny kapitaliny sady telo hakiho ny hahavony; ary varahina avokoa ny harato sy ny ampongabendanitra amin' ny kapitaliny manodidina; ary tahaka izany koa ny andry faharoa mbamin' ny harato. **18** Ary ny lehiben' ny mpiambina nisambotra an' i Seraia mpisoronabe sy zefania, mpisorona manarakaraka, ary mpiandry varavarana koa telo lahy; **19** ary tao an-tanàna no nisamborany ny tandapa anankiray, mpifehy ny miaramila, ary dimy lahy tamin' izay mpitoetra teo anatrehan' ny mpanjaka, izay hita tao an-tanàna, ary ny mpanoratry ny komandin' ny miaramila, izay mpandamina ny ho miaramila, sy ny olona tompon-tany enim-polo lahy, izay hitany tao an-tanàna; **20** dia nosamborin' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, ireo ka nentiny ho any amin' ny mpanjakan' i Babylona tao Ribla. **21** Dia novonoin' ny mpanjakan' i Babylona tao Ribla any amin' ny tany Hamata ireo. Toy izany no nitondrana ny Joda ho babo niala tamin' ny taniny. **22** Fa ny amin' ny olona izay sisa tany amin' ny tanin' ny Joda, izay navelan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, dia Gedalia, zanak' i Ahikama, zanak' i Safana,

no notendreny ho mpanapaka azy. **23** Ary nony ren' ny komandin' ny miaramila rehetra mbamin' ny olom-peheziny avy fa Gedalia no notendren' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, ho mpanapaka, dia nankany amin' i Gedalia tany Mizpa Isimaela, zanak' i Netania, sy Johanana, zanak' i Karea, sy Seraia, zanak' i Tanometa Netofatita, ary Jazania, zanak' ilay Makatita, dia ireo sy ny olom-peheziny avy. **24** Ary Gedalia nianiana taminy sy tamin' ny olom-peheziny ka nanao hoe: Aza matahotra ny amin' ny mpanompon' ny Kaldeana, fa mitomoera amin' ny tany, ary manompoa ny mpanjakan' i Babylona, fa izany no hahasoa anareo. **25** Ary tamin' ny volana fahafito, dia avy Isimaela, zanak' i Netania, zanak' i Elisama, isan' ny fianakavian' ny mpanjaka, mbamin' ny olona folo lahy koa ka namely an' i Gedalia, dia nahafaty azy sy ny Jiosy ary ny Kaldeana izay tao aminy tany Mizpa. **26** Ary niainga ny olona rehetra, na kely na lehibe, mbamin' ny komandin' ny miaramila, nankany Egypta, fa natahotra ny Kaldeana izy. **27** Ary tamin' ny andro fahafito amby roa-polo tamin' ny volana faharoa ambin' ny folo tamin' ny taona fahafito amby telo-polo taorian' ny namaboana an' i Joiakina, mpanjakan' ny Joda, tamin' ny taona vao nanjakan' i Evila-merodaka, mpanjakan' i Babylona, dia nasandrany hiala tao an-trano-maizina Joiakina, mpanjakan' ny Joda. **28** Dia nitenenany soa izy, ka ny seza fiandrianany nataony ambony noho ny seza fiandrianan' ireo mpanjaka namany tao Babylona. **29** Ka dia novan' i Joiakina ny fitafiany fony mbola tao an-trano-maizina; ary nihinan-kanina teo anatrehany mandrakariva izy tamin' ny andro niainany rehetra. **30** Ary ny hanina nohaniny dia hanina nomena avy amin' ny mpanjaka araka ny tokony ho anjarany isan' andro isan' andro tamin' ny andro rehetra niainany.

1 Tantara

1 Adama, Seta, Enosy, **2** Kenana, Mahalalila, Jareda, **3** Enoka, Metosela, Lameka, **4** Noa, Sema, Hama ary Jafeta. **5** Ny zanakalahin' i Jafeta dia Gomera sy Magoga sy Maday sy Javana sy Tobala sy Maseta ary Tirasa. **6** Ary ny zanakalahin' i Gomera dia Askenaza sy Rifata ary Togarma. **7** Ary ny zanakalahin' i Javana dia Elisaha sy Tarsisy sy ny Kitima ary ny Dodanita. **8** Ny zanakalahin' i Hama dia Kosy sy Mizraima sy Pota ary Kanana. **9** Ary ny zanakalahin' i Kosy dia Seba sy Havila sy Sabta sy Ragarna ary Sabteka. Ary ny zanakalahin' i Ragama dia Seba sy Dedana. **10** Ary Kosy niteraka an' i Nimroda; izy no voalohany izay tonga olona mahery teo ambonin' ny tany. **11** Ary Mizraima niteraka ny Lodita sy ny Anamita sy ny Lehabita sy ny Naftohita **12** sy ny Patrosita sy ny Kaslohita (izay nihavian' ny Filistina) ary ny Kaftorita. **13** Ary Kanana niteraka an' i Sidona, lahimatoany, sy Heta **14** ary ny Jebosita sy ny Amorita sy ny Girgasita **15** sy ny Hivita sy ny Arkita sy ny Sinita **16** sy ny Arvadita sy ny Zemarita ary ny Harnatita. **17** Ny zanakalahin' i Sema dia Elama sy Asyra sy Arpahada sy Loda sy Arama sy Oza sy Hola sy Gatera ary Maseka. **18** Ary Arpaksada niteraka an' i Sela; ary Sela niteraka an' i Ebera. **19** Ary Ebera niteraka roa lahy: ny anaran' ny iray natao hoe Palega, satria tamin' ny androny no nizarana ny tany; ary Joktana no anaran' ny rahalahiny. **20** Ary Joktana niteraka an' i Almodada sy Salefa sy Hazarmaveta sy Jera **21** sy Hadorama sy Ozala sy Dikla **22** sy Ebala sy Abimaela sy Sheba **23** sy Ofira sy Havila ary Jobaba; ireo rehetra ireo no zanakalahin' i Joktana. **24** Sema, Arpaksada, Sela, **25** Ebera, Palega, Reo, **26** Seroga, Nahora, Tera, **27** Abrama (dia Abrahama izany). **28** Ny zanakalahin' i Abrahama dia Isaka sy Isimaela. **29** Izao no taranany: Nebaiota, lahimatoan' Isimaela, dia Kedara sy Abdela sy Mibsama **30** sy Misma sy Doma sy Masa sy Hadada sy Tema **31** sy Jetora sy Nafisy ary Kedma. Ireo no zanakalahin' Isimaela. **32** Ary ny zanakalahin' i Ketora, vaditsindranon' i Abrahama. Izy no niteraka an' i Zimrama sy Joksana sy Medana sy Midiana sy Jisbaka ary Soaha. Ary ny zanakalahin' i Joksana dia Sheba sy Dedana. **33** Ary ny zanakalahin' i Midiana dia Efaha sy Efera sy Hanoka sy Abida ary Eldaha. Ireo rehetra ireo no zanakalahin' i Ketora. **34** Ary Abrahama niteraka an' Isaka. Ny zanakalahin' i Isaka dia Esao sy Isiraely. **35** Ny zanakalahin' i Esao dia Elifaza sy Regoela sy Jeosy sy Jalama ary Kora. **36** Ny zanak' i Elifaza dia Temana sy Omara sy Zefo sy Gatama sy Kenaza sy Timna ary Amaleka. **37** Ny zanakalahin' i Regoela dia Nahata sy Zera sy Sama ary Miza. **38** Ary ny zanakalahin' i Seïra dia Lotana sy Sobala sy Zibona sy Ana sy Disona sy Ezera ary Disana. **39** Ary ny zanakalahin' i Lotana dia Hory sy Homama; ary Timna no anabavin' i Lotana. **40** Ary ny zanakalahin' i Sobala dia Aliana sy Manahata sy Ebala sy Sefy ary Onama. Ary ny zanakalahin' i Zibona dia Aia sy Ana. **41** Ary ny zanakalahin' i Ana dia Disona. Ary ny zanakalahin' i Disona dia Hamrana sy Esbana sa Jitrana ary Kerana. **42** Ary ny zanakalahin i Ezera dia Bilana sy Zavana ary Jakana. Ny zanakalahin' i Disana dia Oza sy Arana. **43** Ary izao no mpanjaka izay nanjaka tany amin' ny tany Edoma, fony tsy mbola nisy mpanjaka nanjaka tamin' ny Zanak' Isiraely: Bela, zanak' i Beora; ary Dinaba no anaran' ny tanànany. **44** Ary maty Bela, dia nanjaka nandimby azy Jobaba, zanak' i Zera, avy any Bozra. **45** Ary maty Jobaba, dia nanjaka nandimby azy Hosama, avy any amin' ny tanin' ny Temanita. **46** Ary maty Hosama, dia nanjaka nandimby azy Hadada, zanak' i Bedada, izay namely ny Midianita tany amin' ny tany Moaba; ary Avita no anaran' ny tanànany. **47** Ary maty Hadada, dia nanjaka nandimby azy Samla avy any Masreka. **48** Ary maty Samla, dia nanjaka nandimby azy Saoly avy any Rehobota eo amoron' ny Ony. **49** Ary maty Saoly, dia nanjaka nandimby azy Bala-hanana, zanak' i Akbora. **50** Ary maty Bala-hanana, dia nanjaka nandimby azy Hadada; ary Pao no anaran' ny tanànany; ary ny anaran' ny vadiny dia Mehetabela, zanakavavin' i Matreda, zanakavavin' i Me-zahaba. **51** Dia maty koa Hadada. Ary ny loham-pirenen' i Edoma dia Timna loham-pireneny, Alva loham-pireneny, Jetata loham-pireneny, **52** Oholibama loham-pireneny, Elaha loham-pireneny, Pinona loham-pireneny, **53** Kenaza loham-pireneny, Temana loham-pireneny, Mibzara loham-pireneny, **54** Magdiela loham-pireneny, Irama loham-pireneny. Ireo no loham-pirenen' i Edoma.

2 Izao no zanakalahin' Isiraely: Robena sy Simeona sy Levy sy Joda sy Isakara sy Zebolona **2** sy Dana sy Josefa sy Benjamina sy Naftaly sy Gada ary Asera. **3** Ny zanakalahin' i Joda dia Era sy Onana ary Sela; ireo telo ireo no naterak' i Batsoa Kananita taminy. Ary ratsy fanahy teo imason' i Jehovah Era, lahimatoan' i Joda, dia nahafaty azy Jehovah. **4** Ary Tamara vinantoni-vavy niteraka an' i Fareza sy Zera taminy. Dimy no zanakalahin' i Joda rehetra. **5** Ny zanakalahin' i Fareza dia Hezrona sy Hamola. **6** Ary ny zanakalahin' i Zera dia Zimry sy Etana sy Hemana sy Kalkola ary Dara; dimy lahy no isany. **7** Ary ny zanakalahin' i Karmy dia Akara, izay nampidi-doza tamin' ny Isiraely, dia ilay nandika ny didy ny amin' ny zavatra voaozona. **8** Ary ny zanakalahin' i Etana dia Azaria. **9** Ary ny zanakalahin' i Hezrona izay naterany dia Jeramela sy Rama ary Kelobay; **10** ary Rama niteraka an' i Aminadaba; ary Aminadaba niteraka an' i Nasona, lohan' ny taranak' i Joda; **11** ary Nasona niteraka an' i Salma; ary Salma niteraka an' i Boaza; **12** ary Boaza niteraka an' i Obeda; ary Obeda niteraka an' i Jese; **13** ary Jese niteraka an' i Eliaba, lahimatoa, sy Abinadaba, lahiaivo, sy Simea, fahatelo, **14** sy Netanela, fahefatra, sy Raday, fahadimy, **15** sy Ozema, fahenina, ary Davida, faralahy; **16** Zeroba sy Abigaila no anabaviny; ary telo ny zanakalahin' i Zeroia, dia Abisay sy Joaba ary Asahela; **17** ary Abigaila niteraka an' i Amasa; ary Jitra Isimaelita no rain' i Amasa. **18** Ary Kaleba, zanakalahin' i Hezrona, niteraka tamin' i Azoba vadiny sy tamin' i Jeriota. Izao no zanakalahin' i Azoba: Jasera sy Sobaba ary Ardona. **19** Ary nony maty Azoba, dia Efrata no nalain' i Kaleba ho vadiny, ary izy niteraka an' i Hora

taminy; **20** ary Hora niteraka an' i Ory; ary Ory niteraka an' i Bezalila. **21** Ary nony afaka izany, Hezrona niray tamin' ny zanakavavin' i Makira, rain' i Gileada, izay novadiny rehefa enim-polo taona izy, dia niteraka an' i Segoba taminy ravehivavy; **22** ary Segoba niteraka an' i Jaïra, izay nanana tanàna madinika telo amby roa-polo tany amin' ny tany Gileada. **23** Ary nalain' i Gesora sy Arama tamin' ny Jairita ny tanàna madinika an' i Jaïra mbamin' i Kenata sy ny zana-bohiny, dia tanàna enim-polo izany. Ireo rehetra ireo no an' ny zanak' i Makira, rain' i Gileada. **24** Ary nony maty Hezrona tany Kaleba-efrata, Abia, vadin' i Hezrona, dia niteraka an' i Asora, razamben' ny any Tekoa, taminy. **25** Ary ny zanakalahin' i Jeramela, lahimatoan' i Hezrona, dia Rama, lahimatoa, sy Bona sy Orena sy Ozema ary Ahia. **26** Jeramela nanana vady hafa koa atao hoe Atara; izy no renin' i Onama. **27** Ary ny zanakalahin' i Rama, lahimatoan' i Jeramela, dia Maza sy Jamina ary Ekera. **28** Ary ny zanakalahin' i Onama dia Samay sy Jada. Ary ny zanakalahin' i Samay dia Nadaba sy Abisora. **29** Ary ny anaran' ny vadin' i Abisora dia Abihaila; ary izy niteraka an' i Abana sy Molida taminy. **30** Ary ny zanakalahin' i Nadaba dia Saleda sy Apaima; fa maty momba Saleda. **31** Ary ny zanakalahin' i Apaima dia Jisy Ary ny zanakalahin' i Jisy dia Sesana. Ary ny zanakalahin' i Sesana dia Ahelay. **32** Ary ny zanakalahin' i Jada, rahalahin' i Samay, dia Jatera sy Jonatana; nefa maty momba Jatera. **33** Ary ny zanakalahin' i Jonatana dia Paleta sy Zaza. Ireo no zanakalahin' i Jeramela. **34** Ary Sesana tsy nanana zanakalahy, fa vavy avokoa. Ary Sesana nanana mpanompo Egyptiana, Jara no anarany. **35** Ary ny zananivavy nomen' i Sesana ho vadin' i Jara mpanompony; ary izy niteraka an' i Atahy taminy. **36** Ary Atahy niteraka an' i Natana; ary Natana niteraka an' i Zabada; **37** ary Zabada niteraka an' i Efiala; ary Efiala niteraka an' i Obeda; **38** ary Obeda niteraka an' i Jeho; ary Jeho niteraka an' i Azaria; **39** ary Azaria niteraka an' i Haleza; ary Haleza niteraka an' i Elasa; **40** ary Elasa niteraka an' i Sismay; ary Sismay niteraka an' i Saloma; **41** ary Saloma niteraka an' i Jekamia; ary Jekamia niteraka an' i Elisama. **42** Ary ny zanakalahin' i Kaleba, rahalahin' i Jeramela, dia Mesa, lahimatoa, razamben' ny any Zifa, sy ny zanakalahin' i Maresa, razamben' ny any Hebrona. **43** Ary ny zanakalahin' i Hebrona dia Kora sy Tapoa sy Rakema ary Sema. **44** Ary Sema niteraka an' i Rahama, rain' i Jorkeama, ary Rakema niteraka an' i Samay; **45** ary ny zanakalahin' i Samay dia Maona, ary Maona no razamben' ny any Beti-zora; **46** ary Efaha, vaditsindranon' i Kaleba, niteraka an' i Harana sy Moza sy Gazeza; ary Harana niteraka an' i Gazeza. **47** Ary ny zanakalahin' i Jeday dia Ragema sy Jotama sy Gesana sy Paleta sy Efaha ary Safa. **48** Maka, vaditsindranon' i Kaleba, niteraka an' i Sabera sy Tirana. **49** Izy koa niteraka an' i Safa, razamben' ny any Madmana, sy Seva, razamben' ny any Makbena sady razamben' ny any Gibea; ary ny zanakavavin' i Kaleba dia Aksa. **50** Izao no zanakalahin' i Kaleba, zanak' i Hora, lahimatoan' i Efrata: Sobala, razamben' ny any Kiriata-Jearima, **51** Salma, razamben' ny any Betlehema, Harefa, razamben' ny any Beti-gadera. **52** Ary Sobala, razamben' ny any Kiriata Zarima, nanan-janakalahy, dia Haroe sy Hatsi-hamenokota **53** ary ny fokon' i Kiriata-Jearima koa, dia ny Jitrita sy ny Potita sy ny Somatita ary ny Misraïta; avy tamin' ireo no nihavian' ny Zoraïta sy ny Estaolita. **54** Ny zanakalahin' i Salma dia Betlehema sy ny Netofatita sy Atrota-beti-joaba ary Hatsi-hamanatita sy ny Zoraïta **55** ary ny fokon' ny mpanoratra izay nonina tany Jabeza, dia ny Tiratita sy ny Simeatita ary ny Sokatita. Ireo no Kenita avy tamin' i Hamata, rain' ny taranak' i Rekaba.

3 Ary izao no zanakalahin' i Davida, izay naterany tao Hebrona: Amnona, zanak' i Ahinoama Jezirelita, no lahimatoa; ary Daniela, zanak' i Abigaila Karmelita, no lahiaivo; **2** Absaloma, zanak' i Maka, zanakavavin' i Talmay, mpanjakan' i Gesora, no fahatelo; Adonia, zanak' i Hagita, no fahefatra; **3** Sefatia, zanak' i Abitala, no fahadimy; Jitreama, zanak' i Egla vadiny, no fahenina. **4** Ireo enina ireo no naterany tao Hebrona; fa tao no nanjakany fito taona sy enim-bolana; ary tany Jerosalema kosa no nanjakany telo amby telo-polo taona. **5** Ary izao no naterany tany Jerosalema: Simea sy Sobaba sy Natana ary Solomona (ireo efa-dahy ireo no naterak' i Batsoa, zanakavavin' i Amiela) **6** sy Jibara sy Elisama sy Elifeleta **7** sy Noga sy Nafega sy Jafia **8** sy Elisama sy Eliada ary Elifeleta; dia sivy kosa ireo. **9** Ireo rehetra ireo no zanakalahin' i Davida, afa-tsy ny zanaky ny vaditsindranony sy Tamara, anabavin' ireo. **10** Ary ny zanakalahin' i Solomona dia Rehoboama, Abia no zanakalahin-dRehoboama, Asa no zanakalahin' i Abia, Josafata no zanakalahin' i Asa, **11** Jehorama no zanakalahin' i Josafata, Ahazia no zanakalahin' i Jehorama. Joasy no zanakalahin' i Ahazia, **12** Amazia no zanakalahin' i Joasy, Azaria no zanakalahin' Amazia, Jotama no zanakalahin i Azaria, **13** Ahaza no zanakalahin' i Jotama Hezekia no zanakalahin' i Ahaza, Manase no zanakalahin' i Hezetia, **14** Amona no zanakalahin' i Manase, Josia no zanakalahin' i Amona. **15** Ary izao no zanakalahin' i Josia: Johanana, lahimatoa, Joiakima, lahiaivo, Zedekia, fahatelo, Saloma, faralahy. **16** Ary ny zanakalahin' i Joiakima dia Jekonia, ary Zedekia no zanak' i Jekonia. **17** Ary ny zanakalahin' Jekonia dia Asira, Sealtiela no zanak' i Asira, **18** ary Malkirama koa sy Pedaia sy Senazara sy Jekamia sy Hosama ary Nedabia. **19** Ary ny zanakalahin' i Pedaia dia Zerobabela sy simey. Ary ny zanakalahin' i Zerobabela dia Mesolama sy Hanania ary Selomita, anabaviny, **20** ary Hasoba sy Ohela sy Berekia sy Hasadia ary Josaba-heseda; dimy izy. **21** Ary ny zanakalahin' i Hanania dia Pelatia sy Jisaia sy ny zanakalahin' i Rafaia sy ny zanakalahin' i Arnana sy ny zanakalahin' i Obadia ary ny zanakalahin' i Sekania. **22** Ary ny zanakalahin' i Sekania dia Semaia. Ary ny zanakalahin' i Semaia dia Hatosy sy Jigala sy Baria sy Nearia ary Safata; enina izy. **23** Ary ny zanakalahin' i Nearia dia Elioenay sy Hezekia ary Azrikama; telo izy. **24** Ary ny zanakalahin' i Elioenay dia Hodaia sy Eliasiba sy Pelaia sy Akoba sy Johanana sy Delaia ary Anany; fito izy.

4 Ny zanakalahin' i Joda dia Fareza sy Hezrona sy Karmy sy Hora ary Sobala. **2** Ary Reaia, zanakalahin' i Sobala, niteraka an' i Jahata; ary Jahata niteraka an' i Ahomay

sy Lahada. Ireo no fokon' ny Zoraïta. **3** Ary izao no avy amin' ny rain' i Etama: Jezirela sy Jisma ary Jidbasy, ary Hazelelpony no anaran' ny anabaviny, **4** ary Penoela, rain' i Gedora, sy Ezera, rain' i Hosa. Ireo no zanak' i Hora, lahimatoan' i Efrata, razamben' ny any Betlehema. **5** Ary Asora, razamben' ny any Tekoa, namporafy, dia Hela sy Nara. **6** Ary Nara niteraka an' i Ahozama sy Hafera sy Temeny ary Hahastary. Ireo no zanakalahin' i Nara. **7** Ary ny zanakalahin' i Hela dia Zareta sy Jizara ary Etnana. **8** Ary Hakoza niteraka an' i Anoba sy Zobeba ary ny fokon' i Aharela, zanakalahin' i Haroma. **9** Ary Jabeza dia nalaza noho ny rahalahiny; ary ny reniny nanao ny anarany hoe Jabeza, fa hoy izy: Ory aho, raha niteraka azy. **10** Ary Jabeza niantso an' Andriamanitry ny Isiraely hoe: Enga anie ka hotahinao tokoa aho, ka hohalalahinao ny fari-taniko, ary ho amiko ny tananao, ka harovanao amin' ny ratsy aho, mba tsy hampahory ahy izany. Ary dia nomen' Andriamanitra azy ny nangatahiny. **11** Ary Keloba, rahalahin' i Soha, niteraka an' i Mehira, rain' i Estona; **12** ary Estona niteraka an' i Betirafa sy Pasea ary Tehina, rain' Ir-nahasa. Ireo dia mponina tao Reka. **13** Ary ny zanakalahin' i Kenaza dia Otniela sy Seraia; ary ny zanakalahin' i Otniela dia Hatata. **14** Ary Meonotahy niteraka an' i Ofra; ary Seraia niteraka an' i Joaba, razamben' ny ao an-dohasahan' ny mpiasa; fa mpiasa ireo. **15** Ary ny zanakalahin' i Kaleba, zanakalahin' i Jefone, dia Iro sy Elaha sy Nama; ary ny zanakalahin' i Elaha dia Kenaza. **16** Ary ny zanakalahin' i Jehalalila dia Zifa sy Zifaha sy Tiria ary Asarela. **17** Ary ny zanakalahin' i Ezra dia Jatera sy Mareda sy Efera ary Jalona; ary izy niteraka an' i Miriama sy Samay ary Jisba, razamben' ny any Estemoa. **18** Ary Jehodia vadiny niteraka an' i Jareda, razamben' ny any Gedora, sy Hebera, razamben' ny any Soko, ary Jakotiela, razamben' ny any Zanoa. Ireo no zanakalahin' i Bitia, zanakavavin' i Farao, izay novadin' i Mareda. **19** Ary ny zanakalahin' i Hodia vadiny, izay anabavin' i Nahama, dia ny razamben' ny an' i Keila Garmita sy Estemoa Makatita. **20** Ary ny zanakalahin' i Simona dia Amnona sy Rina sy Ben-hanana ary Tilona. Ary ny zanakalahin' i Jisy dia Zoheta sy Ben-zoheta. **21** Ary ny zanakalahin' i Sela, zanak' i Joda, dia Era, rain' i Leka, sy Lada, rain' i Maresa, sy ny fokon' ny mpanao rongony fotsy madinika amin' ny ankohonan' i Asbea; **22** ary Jokima sy ny mponina tao Kozeba ary Joasy sy Sarafa, izay samy nanapaka tany Moaba, ary Jasobi-lehema. Ary efa ela izany zavatra izany. **23** Ireo no mpanefy vilany sy mponina tany Netaima sy Gadera; tany no nitoerany tamin' ny mpanjaka hanao ny asany. **24** Ny zanakalahin' i Simeona dia Nemoela sy Jamina sy Jariba sy Zera ary Saoly, **25** dia Saloma no zanakalahin' i Saoly, Mibsama no zanakalahin' i Saloma, Misma no zanakalahin' i Mibsama. **26** Ary ny zanakalahin' i Misma dia Hamoela, ary Zakora no zanakalahin' i Hamoela, Simey no zanakalahin' i Zakora. **27** Ary Simey nanan-janaka enina ambin' ny folo lahy sy enim-bavy; fa ny rahalahiny tsy nanan-janaka maro, sady tsy nihamaro tahaka ny taranak' i Joda ny fokony rehetra. **28** Ary izy nonina tao Beri-sheba sy Molada sy Hazara-soala **29** sy Bila sy Ezema sy Tolada **30** sy Betoela sy Horma sy Ziklaga **31** sy Beti-markabota sy Hazora-sosima sy Beti-biry ary Saraima. Ireo no tanàna nonenany mandra-panjakan' i Davida. **32** Ary ny zana-bohiny dia Etama sy Aina sy Rimona sy Tokena ary Asana, tanana dimy ireo, **33** ary ny zana-bohiny rehetra koa izay manodina izany tanàna izany hatrany Bala. Ireo no fonenany sady nanana fitantaram-pirazanana manokana izy. **34** Ary Mesobaba sy Jamleka sy Josa, zanak' i Amazia, **35** ary Joela sy Jeho, zanak' i Josibia, zanak' i Seraia, zanak' i Asiela, **36** ary Elioenay sy Jakoba sy Jesohaia sy Asaia sy Adiela sy Jesimiela sy Benaia **37** sy Ziza, zanak' i Sify, zanak' i Alona, zanak' i Jedaia, zanak' i Simry, zanak' i Semaia; **38** ireo voalaza anarana ireo dia samy lohany tamin' ny fotony avy; ary efa nihamaro indrindra ny fianakaviany. **39** Ary nankany amin' ny fidirana ho any Gedora izy, dia hatramin' ny ilany atsinanana amin' ny lohasaha, hitady ahitra ho an' ny ondriny aman' osiny. **40** Ary nahita ahitra maitso sady tsara izy, ary malalaka ny tany sady nandry fahizay; nefa ny taranak' i Hama no nonina tany taloha. **41** Ary ireo voasoratra anarana ireo dia tonga tao tamin' ny andron' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda, ka namely ny lay sy ny fonenana hitany tao sy nandringana azy rehetra mandraka ankehitriny, dia nonina nisolo azy; fa nisy ahitra ho an' ny ondriny aman' osiny tany. **42** Ary nisy lehilahy dimam-jato tamin' ny taranak' i Simeona nankany amin' ny tendrombohitra Seïra ka nanana an' i Peletia sy Nearia sy Refaia ary Oziela, zanakalahin' i Jisy, ho mpifehy azy. **43** Ary namely ny sisa afaka tamin' ny Amalekita izy, ka dia monina ao mandraka androany.

5 Ary ny zanakalahin' i Robena, lahimatoan' Isiraely (fa izy no lahimatoa; saingy ny nandotoany ny farafaran-drainy no nanomezana ny fizokiany ho an' ny zanak' i Josefa, zanak' Isiraely; nefa tsy voasoratra ho zokiny amin' ny fitantaram-pirazanana ireo; **2** fa Joda nisandratra noho ny rahalahiny, ary izy no nihavian' ny mpanapaka; nefa ny fizokiana kosa dia an' i Josefa ihany), **3** ny zanakalahin' i Robena, lahimatoan' Isiraely, dia Hanoka sy Palo sy Hezrona ary Karmy. **4** Ny zanakalahin' i Joela dia Semaia, ary Goga no zanakalahin' i Semaia, Sirney no zanakalahin' i Goga, **5** Mika no zanakalahin' i simey, Reaia no zanakalahin' i Mika, Bala no zanakalahin' i Reaia, **6** Bera no zanakalahin' i Bala, izay nobaboin' i Tiglato-pilesera, mpanjakan' i Asyria; izy no loham-pirenen' ny Robenita. **7** Ary ny rahalahiny araka ny fokony avy, raha nisaina ny firazanan' ny fireneny, dia Jeiela lohany sy Zakaria **8** ary Bela, zanak' i Azaza, zanak' i Sema, zanak' i Joela, izay nonina tao Aroera hatrany Nebo sy Balameona. **9** Ary nonina tany atsinanana hatrany akaikin' ny efitra ka hatramin' ny ony Eofrata izy; fa ny ombiny aman' ondriny nihamaro teny amin' ny tany Gileada. **10** Ary tamin' ny andron' i Saoly dia niady tamin' ny Hagarita izy ka naharesy azy; ary nonina an-day eran' ny ilany atsinanana rehetra amin' i Gileada izy. **11** Ary ny taranak' i Gada nonina tandrifiny, teny amin' ny tany Basana hatrany Saleka; **12** Joela no lohany, dia Safama no manarakaraka, dia Janay sy Safata tany Basana. **13** Ary ny rahalahiny araka ny

fianakaviany avy dia Mikaela sy Mesolama sy Seba sy Joray sy Jakana sy Zia ary Ebera; fito izy. **14** Ireo no zanakalahin' i Abihaila, zanak' i Hory, zanak' i Jaroa, zanak' i Gileada, zanak' i Mikaela, zanak' i Jesisay, zanak' i Jado, zanak' i Boza; **15** Ahia, zanak' i Abdiela, zanak' i Gony, no lohan' ny fianakaviany. **16** Ary nonina tany Gileada sy tany Basana sy tamin' ny zana-bohiny ary tamin' ny tany rehetra an-tsisin' i Sardna manodidina izy. **17** Ireo rehetra ireo dia nisaina araka ny firazanany tamin' ny andron' i Jotama, mpanjakan' ny Joda, sy tamin' ny andron' i Jeroboama, mpanjakan' ny Isiraely. **18** Ny taranak' i Robena sy ny Gadita ary ny antsasaky ny firenen' i Manase, izay isan' ny lehilahy mahery, ka lehilahy mahatana ampinga sy sabatra ary mahahenjana tsipìka sady zatra ny miady, dia enim-polo amby fiton-jato amby efatra arivo sy efatra alina no isan' ny azo nalefa hanafika. **19** Ary niady tamin' ny Hagarita sy tamin' i Jetora sy Nafisy ary Nodaba izy. **20** Ary nombana hamely ireo izy, ka dia voatolotra teo an-tànany ny Hagarita mbamin' izay rehetra nomba azy, satria nitaraina tamin' Andriamanitra teo amin' ny ady izy, ary nekeny ny fangatahany noho ny fahatokiany Azy. **21** Ary nobaboiny ny bibiny, dia rameva dimy alina sy ondry aman' osy dimy alina amby roa hetsy sy boriky roa arivo ary olona iray hetsy; **22** fa maro ny faty niampatrampatra, satria avy tamin' Andriamanitra ny ady. Ary nonina nandimby ireo izy mandra-pahatongan' ny namaboana azy kosa. **23** Ary ny taranaky ny antsasaky ny firenen' i Manase dia nonina tamin' ny tany; ary nihamaro izy hatrany Basana ka hatrany Bala-hermona sy Senira ary hatramin' ny tendrombohitra Hermona. **24** Ary izao no lohan' ny fianakaviany: Efera sy Jisy sy Eliala sy Azriela sy Jeremia sy Hodavia ary Jadiela; lehilahy mahery ireo ary malaza sady samy lohan' ny fianakaviany avy. **25** Ary nivadika tamin' Andriamanitry ny razany ireo, fa nijangajanga nanaraka ny andriamanitry ny tompon-tany, izay naringan' Andriamanitra tsy ho eo anoloany. **26** Ary Andriamanitry ny Isiraely namporisika an' i Pola, mpanjakan' i Asyria, sy Tiglato-pilesera mpanjakan' i Asyria, ka dia nobaboin' ireo ny Robenita sy ny Gadita sy ny antsasaky ny firenen' i Manase ka nentiny tany Hala sy Habora sy Hara ary tany amoron' ny ony Gozana ambaraka androany.

6 Ny zanakalahin' i Levy dia Gersona sy Kehata ary Merary. **2** Ary ny zanakalahin' i Kehata dia Amrama sy Jizara sy Hebrona ary Oziela. **3** Ary ny zanak' i Amrama dia Arona sy Mosesy ary Miriama. Ny zanakalahin' i Arona dia Nadaba sy Abiho sy Eleazara ary Itamara. **4** Eleazara niteraka an' i Finehasa; ary Finehasa niteraka an' i Abisoa; **5** ary Abisoa niteraka an' i Boky; ary Boky niteraka an' i Ozy; **6** ary Ozy niteraka an' i Zerahia; ary Zerahia niteraka an' i Meraiota; **7** ary Meraiota niteraka an' i Amaria; ary Amaria niteraka an' i Ahitoba; **8** ary Ahitoba niteraka an' i Zadoka; ary Zadoka niteraka an' i Ahimaza; **9** ary Ahimaza niteraka an' i Azaria; ary Azaria niteraka an' i Johanana; **10** ary Johanana niteraka an' i Azaria (ilay nanao fisoronana tao amin' ny trano nataon' i Solomona tany Jerosalema); **11** ary Azaria niteraka an' i Amaria; ary Amaria niteraka an' i Ahitoba; **12** ary Ahitoba niteraka an' i Zadoka; ary Zadoka niteraka an' i Saloma; **13** ary Saloma niteraka an' i Hilkia; ary Hilkia niteraka an' i Azaria; **14** ary Azaria niteraka an' i Seraia; ary Seraia niteraka an' i Jozadaka; **15** ary dia lasan-ko babo Jozadaka, nony voatolotr' i Jehovah ho babon' i Nebokadnezara ny Joda sy Jerosalema. **16** Ny zanakalahin' i Levy dia Gersona sy Kehata ary Merary. **17** Ary izao no anaran' ny zanakalahin' i Gersona: Libny sy Semey. **18** Ary ny zanakalahin' i Kehata dia Amrama sy Jizara sy Hebrona ary Oziela. **19** Ny zanakalahin' i Merary dia Maly sy Mosy. Ary izao no fokon' ny Levita araka ny rainy: **20** Avy amin' i Gersona: Libny no zanak' i Gersona, Jahata no zanak' i Libny, Zima no zanak' i Jahata, **21** Joa no zanak' i Zima, Ido no zanak' i Joa, Zera no zanak' Ido, Jeateray zanak' i Zera. **22** Ny zanakalahin' i Kehata dia Aminadaba, Kora no zanakalahin' i Aminadaba, Asira no zakalahin' i Kora, **23** Elkana no zanakalahin' i Asira, Ebiasafa no zanakalahin' i Elkana, Asira no zanakalahin' i Ebiasafa, **24** Tahata no zanakalahin' i Asira, Oriela no zanakalahin' i Tahata, Ozia no zanakalahin' i Oriela, ary Saoly no zanakalahin' i Ozia. **25** Ary ny zakalahin' i Elkana dia Amasay sy Ahimota. **26** Ny amin' i Elkana, ny zananilahy dia Zofay, ary Nahata no zanakalahin' i Zofay, **27** Eliaba no zanakalahin' i Nahata, Jerohama no zanakalahin' i Eliaba, Elkana no zanakalahin' i Jerohama. **28** Ary ny zanakalahin' i Samoela dia Vasny lahimatoa sy Abia. **29** Ny zanakalahin' i Merary dia Maly, Libny no zanakalahin' i Maly, Semey no zanakalahin' i Libny, Oza no zanakalahin' i Semey, **30** Simea no zanakalahin' i Oza, Hagia no zanakalahin' i Simea, Asaba no zanakalahin' i Hagia. **31** Ary izao no notendren' i Davida ho mpiventy hira tao amin' ny tranon' i Jehovah, rehefa voapetraka tao ny fiara, **32** ka nanao hira fanompoam-pivavahana izy tao amin' ny tabernakely, dia ny trano-lay fihaonana, ambara-panaon' i Solomona ny tranon' i Jehovah tany Jerosalema; koa raha nanao ny raharahany izy, dia nitsangana araka ny filaharany avy, **33** dia izao no nanompo mbamin' ny zanany: Tamin' ny zanakalahin' ny Kehatita dia Hemana mpihira, zanakalahin' i Joela, zanakalahin' i Samoela, **34** zanakalahin' i Elkana, zanakalahin' i Jerohama, zanakalahin' i Eliala, zanakalahin' i Toa. **35** zanakalahin' i Zofa, zanakalahin' i Elkana, zanakalahin' i Mahata, zanakalahin' i Amasay, **36** zanakalahin' i Elkana, zanakalahin' i Joela, zanakalahin' i Azaria, zanakalahin' i Zefania, **37** zanakalahin' i Tahata, zanakalahin' i Asira, zanakalahin' i Ebiasafa, zanakalahin' i Kora, **38** zanakalahin' i Jizara, zanakalahin' i Kehata, zanakalahin' i Levy, zanak' Isiraely. **39** Ary Asafa rahalahiny, izay nitsangana teo amin' ny ankavanany, dia Asafa, zanakalahin' i Berekia, zanakalahin' i Simea, **40** zanakalahin' i Mikaela, zanakalahin' i Beseia, zanakalahin' i Malkia, **41** zanakalahin' i Etny, zanakalahin' i Zera, zanakalahin' i Adaia, **42** zanakalahin' i Etana, zanakalahin' i Zima, zanakalahin' i Simey, **43** zanakalahin' i Jahata, zanakalahin' i Gersona, zanakalahin' i Levy. **44** Ary ny rahalahin' ireo kosa, dia ny zanakalahin' i Merary, nitsangana teo amin' ny ankaviany: Etana, zanakalahin' i Kisy, zanakalahin' i Abdia, zanakalahin' i Maloka, **45** zanakalahin' i Hasabia, zanakalahin' i Amazia, zanakalahin' i Hilkia, **46** zanakalahin'

i Amzy, zanakalahin' i Bany, zanakalahin' i Samera, **47** zanakalahin' i Maly, zanakalahin' i Mosy, zanakalahin' i Merary, zanakalahin' i Levy. **48** Ary ny Levita rahalahin' ireo koa dia efa nomena hanao ny fanompoana rehetra ao amin' ny tabernakelin' ny tranon' Andriamanitra. **49** Fa Arona sy ny zananilahy no nanatitra teo ambonin' ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana sy teo ambonin' ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra, mba hanao ny raharaha rehetra ao amin' ny fitoerana masìna indrindra sy hanao fanavotana ho an' ny Isiraely, araka izay rehetra nandidian' i Mosesy, mpanompon' Andriamanitra. **50** Ary ny zanakalahin' i Arona dia Eleazara, ary Finehasa no zanakalahin' i Eleazara, Abisoa no zanakalahin' i Finehasa, **51** Boky no zanakalahin' i Abisoa, Ozy no zanakalahin' i Boky, Zerahia no zanakalahin' i Ozy, **52** Meraiota no zanakalahin' i Zerahia, Amaria no zanakalahin' i Meraiota, Ahitoba no zanakalahin' i Amaria, **53** Zadoka no zanakalahin' i Ahitoba, Ahimaza no zanakalahin' i Zadoka. **54** Ary izao no fonenany araka ny vohiny tao amin' ny zara-taniny avy, dia ny an' ny taranak' i Arona, avy amin' ny fokon' ny Kehatita; fa azy ny loka: **55** Nomeny azy Hebrona tao amin' ny tanin' ny Joda sy ny tany manodidina azy. **56** Fa ny saha momba ny tanàna sy ny vohiny kosa nomeny an' i Kaleba, zanak' i Jefone. **57** Ary ny taranak' i Arona nomeny an' i Hebrona, tanàna fiarovana, ary Libna sy ny tany manodidina azy ary Jatira sy Estemoa sy ny tany manodidina azy **58** ary Hilena sy ny tany manodidina azy ary Debira sy ny tany manodidina azy **59** ary Asana sy ny tany manodidina azy ary Beti-semesy sy ny tany manodidina azy; **60** ary avy tamin' ny firenen' i Benjamina dia Geba sy ny tany manodidina azy ary Alemeta sy ny tany manodidina azy ary Anotata sy ny tany manodidina azy. Dia telo ambin' ny folo no isan' ny tanànan' izy mianakavy rehetra. **61** Ary ny an' ny taranak' i Kehata sisa tamin' ny fokon' izany firenena izany dia tanàna folo araka ny filokana tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase. **62** Ary ny an' ny taranak' i Gersona araka ny fokony dia tanàna telo ambin' ny folo tamin' ny firenen' Isakara sy ny firenen' i Asera sy ny firenen' i Naftaly ary ny firenen' i Manase any Basana. **63** Ary ny loka azon' ny taranak' i Merary araka ny fokony dia tanàna roa ambini ny folo avy tamin' ny firenen' i Robena sy ny firenen' i Gada ary ny firenen' i Zebolona. **64** Dia nomen' ny Zanak' i Isiraely ho an' ny Levita ireo tanàna ireo sy ny tany manodidina azy. **65** Ary nomeny tamin' ny filokana ireto tanàna tononina ireto avy tamin' ny firenena taranak' i Joda sy ny firenena taranak' i Simeona ary ny firenena taranak' i Benjamina. **66** Fa ny sasany amin' ny fokon' ny taranak' i Kehata dia nahazo tanàna avy tamin' ny firenen' i Efraima. **67** Ary nomeny azy Sekema, tanàna fiarovana, tao amin' ny tany havoan' i Efraima sy ny tany manodidina azy ary Gazera sy ny tany manodidina azy **68** ary Jokmeama sy ny tany manodidina azy ary Beti-horona sy ny tany manodidina azy **69** ary Aialona sy ny tany manodidina azy ary Gata-rimona sy ny tany manodidina azy; **70** ary ny avy tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase dia Amera sy ny tany manodidina azy ary Bileama sy ny tany manodidina azy, dia ho an' ny fokon' ny taranak' i Kehata sisa. **71** Ary ny an' ny taranak' i Gersona dia Golana any Basana sy ny tany manodidina azy ary Astarta, sy ny tany manodidina azy avy tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase; **72** ary ny avy tamin' ny firenen' Isakara dia Kadesy sy ny tany manodidina azy ary Daberata sy ny tany manodidina azy **73** ary Ramota sy ny tany manodidina azy ary Anema sy ny tany manodidina azy; **74** ary ny avy tamin' ny firenen' i Asera dia Masala sy ny tany manodidina azy ary Abdona sy ny tany manodidina azy **75** ary Hokoka sy ny tany manodidina azy ary Rehoba sy ny tany manodidina azy; **76** ary ny avy tamin' ny firenen' i Naftaly dia Kadesy any Galilia sy ny tany manodidina azy ary Hamona sy ny tany manodidina azy ary Kiriataima sy ny tany manodidina azy. **77** Ary ny an' ny sisa, taranak' i Merary, dia avy tamin' ny firenen' i Zebolona, dia Rimono sy ny tany manodidina azy ary Tabara sy ny tany manodidina azy; **78** ary any an-dafin' i Jordana, tandrifin' i Jeriko, atsinanan' i Jordana, koa dia avy tamin' ny firenen' i Robena, dia Bazera any an-efitra sy ny tany manodidina azy ary Jaza sy ny tany manodidina azy **79** ary Kedemota sy ny tany manodidina azy ary Mefata sy ny tany manodidina azy; **80** ary avy tamin' ny firenen' i Gada dia Ramota-gileada sy ny tany manodidina azy ary Mahanaima sy ny tany manodidina azy **81** ary Hesbona sy ny tany manodidina azy ary Jazera sy ny tany manodidina azy.

7 Ary ny zanakalahin' Isakara dia Tola sy Poa sy Jasoba ary Simrona; efatra izy. **2** Ary ny zanakalahin' i Tola dia Ozy sy Refaia sy Jeriela sy Jamay sy Jibsama ary Samoela, samy lohan' ny fianakaviany avy, dia zanak' i Tola sady samy lehilahy mahery tamin' ny fokony avy ireo; enin-jato amby roa arivo sy roa alina no isany tamin' ny andron' i Davida. **3** Ary ny zanakalahin' i Ozy dia Jizrahia. Ary ny zanakalahin' i Jizrahia dia Mikaela sy Obadia sy Joela ary Jisia; dimy izy; loholona avokoa izy rehetra ireo. **4** Ary nanana miaramila antokotokony izy araka ny fireneny sy ny fianakaviany avy, dia enina arivo amby telo alina; fa maro ny vady aman-janak' ireo. **5** Ary ny rahalahiny ao amin' ny fokon' ny Isakara rehetra, izay samy lehilahy mahery, ny isan' izy rehetra araka ny firazanany avy dia fito arivo amby valo alina. **6** Ny zanakalahin' i Benjamina dia Bela sa Bakera ary Jediaela; telo izy. **7** Ary ny zanakalahin' i Bela dia Ezbona sy Ozy sy Oziela sy Jerimota ary Iry; dimy izy, ary samy lohan' ny fianakaviany avy sady lehilahy mahery avokoa; ary ny Isany araka ny firazanany dia efatra amby telo-polo amby roa arivo sy roa alina. **8** Ary ny zanakalahin' i Bakera dia Zemira sy Joasy sy Eliezera sy Elioenay sy Omry sy Jerimota sy Abia sy Anatota ary Alameta. Ireo rehetra ireo no zanakalahin' i Bakera. **9** Ary ny isany araka ny firazanany amin' ny fireneny, izay samy lohan' ny fianakaviany avy sady lehilahy mahery, dia roanjato sy roa alina. **10** Ny zanakalahin' i Jediaela dia Bilana; ary ny zanakalahin' i Bilana dia Jeosy sy Benjamina sy Ehoda sy Kenana sy Zetana sy Tarsisy ary Ahisahara **11** Ireo zanakalahin' i Jediaela rehetra ireo, araka ny lohan' ny fianakaviany, dia roan-jato amby fito arivo sy iray alina no isan' ny lehilahy mahery azo nalefa

hanafika. **12** Sopima koa sy Hopima, zanakalahin' Iry, ary Hosima, zanakalahin' i Ahera. **13** Ny zanakalahin' i Naftaly dia Jaziela sy Gony sy Jezera sy Saloma, samy zanakalahin' i Bila ireo. **14** Ny zanakalahin' i Manase dia Asriela, Izay naterany; fa ilay Syriana vaditsindranony kosa no niteraka an' i Matira, rain' i Gileada. **15** Ary Makira naka vady ho an' i Hopima sy Sopima; ny anaran' ny rahavaviny dia Imaka; ary ny anaran' ny manarakaraka dia Zelofada; ary Zelofada nanan-janakavavy. **16** Ary Imaka, vadin' i Makira, niteraka zaza, ahy, ka Paresy no nataony anarany; ary Saresy no anaran' ny rahalahiny; ary ny anaran' ny zananilahy dia Olama sy Rakema. **17** Ary ny zanakalahin' i Olama dia Bedana. Ireo no zanakalahin' i Gileada, zanakalahin' i Makira, zanakalahin' i Manase. **18** Ary Hamoleketa anabaviny niteraka an' Isehoda sy Abiezera ary Mahala. **19** Ary ny zanakalahin' i Semida dia Ahiana sy Sekema sy Liky ary Aniama. **20** Ary ny zanakalahin' i Efraima dia Sotela (Bareda no zanakalahin' i Sotela, Tahata no zanakalahin' i Bareda, Elada no zanakalahin' i Tahata, Tahata no zanakalahin' i Elada, **21** Zabada no zanakalahin' i Tahata, Sotela no zanakalahin' i Zabada) ary Ezera sy Elada, izay novonoin' ny tompon-tany tao Gata, satria nidina hangalatra ny ombiny aman' ondriny izy. **22** Ary Efraima, rainy nisaona azy ela, dia avy ny rahalahiny hampionona azy. **23** Ary nony niray tamin' ny vadiny izy, dia nanan' anaka ravehivavy ka niteraka zazalahy, ary ny anarany nataony hoe Beria, satria nisy fahoriana tao antranony tamin' izany. **24** (Ary ny zananivavy dia Sera, izay nanorina an' i Beti-horona ambany sy ambony sy Ozenasera). **25** Ary Refa sy Rasefa no zanakalahin' i Beria, Tela no zanakalahin' i Rasefa, Tahana no zanakalahin' i Tela, **26** Ladana no zanakalahin' i Tahana, Amihoda no zanakalahin' i Ladana, Elisama no zanakalahin' i Amihoda. **27** Nona no zanakalahin' i Elisama, Josoa no zanakalahin' i Nona. **28** Ary ny taniny sy ny fonenany dia Betela sy ny zana-bohiny, ary any atsinanana dia Narana, ary any andrefana dia Gazera sy ny zana-bohiny ary Sekema sy ny zana-bohiny hatrany Gaza sy ny zana-bohiny; **29** ary teo amin' ny sisin-tanin' ny taranak' i Manase dia Betisana sy ny zana-bohiny, Tanaka sy ny zana-bohiny, Megido sy ny zana-bohiny, Dora sy ny zana-bohiny Tamin' ireo no nonenan' ny taranak' i Josefa, zanak' Isiraely. **30** Ny zanakalahin' i Asera dia Jimna sy Jisva sy Jisvy sy Beria; ary Sera no anabavin' ireo. **31** Ary ny zanakalahin' i Beria dia Hebera sy Malkiela, rain' i Birzavita. **32** Ary Hebera niteraka an' i Jafleta sy Somera sy Hotama; ary Soha no anabavin' ireo. **33** Ary ny zanakalahin' i Jafleta dia Pasaka sy Bimala ary Asvata. Ireo no zanakalahin' i Jafleta. **34** Ary ny zanakalahin' i Samera dia Ahaia sy Rohaga sy Hoba ary Arama. **35** Ary ny zanakalahin' i Helema rahalahiny dia Zofa sy Jimna sy Selesy ary Amala. **36** Ny zanakalahin' i Zofa dia Soha sy Harnefera sy Soala sy Bery sy Jimra **37** sy Bazera sy Hoda sy Sama sy Silsa sy Jitrana ary Bera. **38** Ary ny zanakalahin' i Jatera dia Jefone sy Pispa ary Ara. **39** Ary ny zanakalahin' i Ola dia Ara sy Haniela ary Rizia. **40** Ireo zanakalahin' i Asera rehetra ireo dia samy lohan' ny fianakaviany, olom-boafidy sady mahery ary lehiben' ny loham-pireneny avy. Ary ny nanisana azy, araka ny firazanany, dia enina arivo amby roa alina no isan' ny azo nalefa hanafika.

8 Ary Benjamina niteraka an' i Bela, lahimatoa, sy Asbela, lahiaivo, sy Ahara, fahatelo, **2** sy Noha, fahefatra, ary Rafa, faralahy. **3** Ary ny zanakalahin' i Bela dia Adara sy Gera sy Abihoda **4** sy Abisoa sy Namana sy Ahoa **5** sy Gera sy Sefofana ary Horama. **6** Ary izao no zanakalahin' i Ehoda (izao no lohan' ny fianakavian' ny mponina any Geba; ary nitondra azy ho babo tany Manahata, **7** Namana sy Ahia ary Gera; izy no nitondra azy ho babo), niteraka an' i Oza sy Ahihoda izy. **8** Ary Saharaima niteraka tao amin' ny tany Moaba taorian' ny nisaorany an' i Hosima sy Bara vadiny. **9** Ary Hodesy vadiny no niterahany an' i Jobaba sy Ziba sy Mesa sy Malkama **10** sy Jeoza sy Sakia ary Mirma. Ireo no zananilahy, samy lohan' ny fianakaviany avy. **11** Ary Hosima no niterahany an' i Abitoba sy Elpala. **12** Ary ny zanakalahin' i Elpala dia Ebera sy Misama ary Samera, izay nanorina an' i Ono sy Loda sy ny zana-bohiny; **13** Beria koa sy Sema, izay lohan' ny fianakavian' ny mponina ao Aialona sady nandroaka ny mponina tao Gata; **14** ary Ahio sy Sasaka sy Jeremota **15** sy Zebadia sy Arada sy Adera **16** sy Mikaela sy Jispa sy Joha (zanakalahin' i Beria ireo), **17** ary Zebadia sy Mesolama sy Hizky sy Hebera **18** sy Jismeray sy Jizlia sy Jobaba (zanakalahin' i Elpala ireo), **19** ary Jakima sy Zikry sy Zabdy **20** sy Elienay sy Ziletahy sy Eliala **21** sy Adaia sy Beraia sy Simrata (zanakalahin' i Simey ireo), **22** ary Jispana sy Hebera sy Eliala **23** sy Abdona sy Zikry sy Hanana **24** sy Hanania sy Elama sy Antotia **25** sy Jifdia sy Penoela (zanakalahin' i Sasaka ireo), **26** ary Samseray sy Seharia sy Atalia **27** sy Jaresia sy Elia sy Zitry (zanakalahin' i Jerohama ireo). **28** Ireo no lohan' ny fianakaviany araka ny firazanany, dia samy loholona. Ireo no nonina tany Jerosalema. **29** Ary tao Gibeona no nonenan' ny razamben' ny an' i Gibeona, ary ny anaran' ny vadiny dia Imaka, **30** ary Abdona no lahimatoany, dia Zora, dia Kisy, dia Bala, dia Nadaba, **31** dia Gedora, dia Ahio, dia Zakera. **32** Ary Miklota niteraka an' i Simea. Ireo koa dia niara-nonina tamin' ny rahalahiny tany Jerosalema nifanandrify fonenana taminy. **33** Ary Nera niteraka an' i Kisy; ary Kisy niteraka an' i Saoly; ary Saoly niteraka an' i Jonatana sy Malkisoa sy Abinadaba ary Esbala. **34** Ary ny zanakalahin' i Jonatana dia Meribala; ary Meribala niteraka an' i Mika. **35** Ary ny zanakalahin' i Mika dia Pitona sy Maleka sy Tarea ary Ahaza. **36** Ary Ahaza niteraka an' i Joada; ary Joada niteraka an' i Alemeta sy Azmaveta ary Zimry; ary Zimry niteraka an' i Moza; **37** ary Moza niteraka an' i Binea; Rafa no zanakalahin' i Binea, Elasa no zanakalahin' i Rafa, Azela no zanakalahin' i Elasa **38** Ary Azela nanana zanaka enina mirahalahy, ka izao no anarany: Azrikama sy Bokero sy Isimaela sy Searia sy Obadia ary Hanana. Ireo rehetra ireo no zanakalahin' i Azela. **39** Ary ny zanakalahin' i Eseka rahalahiny dia Olama, lahimatoa, sy Jeosy, lahiaivo, ary Elifeleta, faralahy. **40** Ary ny zanakalahin' i Olama dia lehilahy mahery sady mpandefa zana-tsipìka, ary nanana zanakalahy sy zafy

maro izy, dia dimam-polo amby zato. Ireo rehetra ireo no taranak' i Benjamina.

9 Dia nisaina araka ny firazanany avy ny Isiraely rehetra; ary, indro, efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Isiraely izany. Ary ny Joda dia nentina ho babo tany Babylona noho ny fahotany. **2** Ary ny mponina taloha tamin' ny taniny sy ny tanànany avy dia ny Isiraely sy ny mpisorona sy ny Levita ary ny Netinima. **3** Ary tany Jerosalema no nonenan' ny sasany amin' ny taranak' i Joda sy Benjamina sy Efraima sy Manase: **4** dia Otahy, zanak' i Amihoda, zanak' i Omry, zanak' Imry, zanak' i Bany, avy amin' ny taranak' i Fareza, zanak' i Joda. **5** Ary tamin' ny Silonita dia Asay, lahimatoa, sy ny zanany. **6** Ary tamin' ny taranak' i Zera dia Jeoela sy ny rahalahiny, dia sivifolo amby enin-jato. **7** Ary tamin' ny taranak' i Benjamina dia Salo, zanak' i Mesolama, zanak' i Hodavia, zanak' i Hasenoa, **8** sy Jibnia, zanak' i Jerohama, sy Elaha, zanak' i Ozy, zanak' i Mikry, sy Mesolama, zanak' i Sefatia, zanak' i Regoela, zanak' i Jibnia; **9** ary ny isan' ny rahalahiny araka ny firazanany dia enina amby dimam-polo sy sivin-jato. Ireo lehilahy rehetra ireo dia samy lohan' ny fianakaviany avy. **10** Ary tamin' ny mpisorona dia Jedaia sy Joiariba sy Jatina **11** sy Azaria, zanak' i Hilkia, zanak' i Mesolama, zanak' i Zadoka, zanak' i Meraiota, zanak' i Ahitoba, mpanapaka ny tranon' Andriamanitra, **12** ary Adaia, zanak' i Jerohama, zanak' i Pasora, zanak' i Malkia, ary Masay, zanak' i Adiela, zanak' i Jazera, zanak' i Mesolama, zanak' i Mesilemita, zanak' Imera. **13** Ary ny rahalahin' ireo, izay samy lohan' ny fianakaviany avy, dia enim-polo amby fiton-jato amby arivo; lehilahy mahery amin' ny fanaovana ny fanompoana ao an-tranon' Andriamanitra ireo. **14** Ary tamin' ny Levita dia Semaia, zanak' i Hasoba, zanak' i Azrikama, zanak' i Hasabia, tamin' ny taranak' i Merary, **15** ary Bakbakara sy Haresy sy Galala sy Matania, zanak' i Mika, zanak' i Zikry, zanak' i Asafa, **16** ary Obadia, zanak' i Semaia, zanak' i Galala, zanak' i Jedotona, ary Berekia, zanak' i Asa, zanak' i Elkana, izay nonina tamin' ny vohitry ny Netotatita. **17** Ary ny mpiandry varavarana dia Saloma sy Akoba sy Talmona sy Ahimana ary ny rahalahiny; fa Saloma no lohany; **18** ambaraka ankehitriny dia ao amin' ny vavahadin' ny mpanjaka atsinanana izy; ireo no mpiandry varavarana tamin' ny tobin' ny taranak' i Levy. **19** Ary Saloma, zanak' i Kore, zanak' i Abiasafa, zanak' i Kora, sy ny Koraïta rahalahiny araka ny fianakaviany avy no mpanao ny fanompoana amin' ny fiandrasana ny varavaran' ny lay; ary ny razany koa dia mpiambina ny vavahady tao amin' ny tobin' i Jehovah. **20** Ary Finehasa, zanak' i Eleazara, no mpanapaka ireo taloha, ary Jehovah nomba azy. **21** Ary Zakaria, zanak' i Meselemia, no mpiandry ny varavaran' ny trano-lay fihaonana. **22** Ary ny isan' ireo voafidy ho mpiandry varavarana ireo dia roa ambin' ny folo amby roan-jato. Ireo dia voasoratra araka ny firazanany tany amin' ny vohiny avy; ary notendren' i Davida sy Samoela mpahita izy noho ny fahamarinany. **23** Ka dia ireo sy ny taranany no niandry varavarana tao amin' ny tranon' i Jehovah, dia ny trano-lay. **24** Teo amin' ny lafiny efatra no nitoeran' ny mpiandry varavarana, dia teo atsinanana sy andrefana sy avaratra ary atsimo. **25** Ary ny rahalahiny izay nonina teo amin' ny vohiny dia nasaina ho avy isan-kafitoana ho eo aminy. **26** Fa nanao tamin' ny fahamarinany ireo Levita efadahy, lohan' ny mpiandry varavarana, ireo, ary tonian' ny efi-trano fitehirizana sy ny rakitry ny tranon' Andriamanitra koa izy ireo. **27** Ary manodidina ny tranon' Andriamanitra no nandriany; fa izy ireo no mpiambina azy sady adidiny ny famohana ny trano isa-maraina. **28** Ary ny sasany aminy nitandrina ny fanaka momba ny fanompoana; fa an-isany no nitondrany azy miditra sy mivoaka. **29** Ary ny sasany aminy koa notendrena hitandrina ny fanaka, dia ny fanaka masìna rehetra, sy ny koba tsara toto sy ny divay sy ny diloilo sy ny ditin-kazo manitra ary ny zava-manitra. **30** Ary ny sasany tamin' ny zanaky ny mpisorona nangaroharo ny zava-manitra fanosorana. **31** Ary Matatia, anankiray tamin' ny Levita, lahimatoan' i Saloma Koraïta, no tonian' ny zavatra izay natao tamin' ny fanendasana. **32** Ary ny sasany tamin' ny rahalahiny, tamin' ny taranaky ny Kehatita, no tonian' ny mofo aseho hamboatra azy isan-tSabata. **33** Ary ireo ihany koa no mpihira, lohan' ny fianakaviana amin' ny Levita, izay mitoetra tsy manan-draharaha hafa ao amin' ireo efi-trano; fa tsy maintsy ho amin' izany raharaha izany andro aman' alina izy. **34** Ireo dia lohan' ny fianakaviana tamin' ny Levita araka ny firazanany avy, dia samy loholona. Ireo no nonina tany Jerosalema. **35** Ary tao Gibeona no nonenan' i Jeiela, razamben' ny an' i Gibeona, ary ny anaran' ny vadiny dia Imaka; **36** ary ny zanany lahimatoa dia Abdona, dia Zora, dia Kisy, dia Bala, dia Nera, dia Nadaba, **37** dia Gedora, dia Ahio, dia Zakaria, dia Miklota. **38** Ary Miklota niteraka an' i Simeama. Ary ireo koa niarahonina tamin' ny rahalahiny tany Jerosalema nifanandrify fonenana taminy. **39** Ary Nera niteraka an' i Kisy; ary Kisy niteraka an' i Saoly; ary Saoly niteraka an' i Jonatana sy Malkisoa sy Abinadaba ary Esbala. **40** Ary ny zanakalahin' i Jonatana dia Meribala, ary Meribala niteraka an' i Mika. **41** Ary ny zanakalahin' i Mika dia Pitona sy Maleka sy Tarea ary Ahaza. **42** Ary Ahaza niteraka an' i Jara; ary Jara niteraka an' i Alemeta sy Azmaveta ary Zimry; ary Zimry niteraka an' i Moza; **43** ary Moza niteraka an' i Binea; ary Refaia no zanakalahin' i Binea, Elasa no zanakalahin' i Refaia, Azela no zanakalahin' i Elasa. **44** Ary Azela nanana zanaka enina mirahalahy ka izao no anarany avy: Azrikama sy Bokero sy Isimaela sy Searia sy Obadia ary Hanana; ireo no zanakalahin' i Azela.

10 Ary ny Filistina niady tamin' ny Isiraely, ary nandositra teo anoloan' ny Filistina ny lehilahy amin' ny Isiraely, ka niampatrampatra teny an-tendrombohitra Gilboa ny faty. **2** Ary ny Filistina nanenjika fatratra an' i Saoly sy ny zanany, ka matin' ny Filistina Jonatana sy Abinadaba sy Malkisoa, zanakalahin' i Saoly. **3** Ary mafy ny ady tamin' i Saoly, dia nifanehatra tamin' ny mpandefa tsipìka izy; ary raikitahotra izy noho ny mpandefa tsipìka. **4** Ka hoy Saoly tamin' ny mpitondra ny fiadiany: Tsoahy ny sabatrao, ka tsatohy miboroaka aho; fandrao avy irery tsy mifora irery ka hanao ahy ho fihomehezana. Nefa tsy nety ny mpitondra

ny fiadiany, fa natahotra loatra izy. Dia nalain' i Saoly ny sabatra ka nianjerany. **5** Ary rehefa hitan' ny mpitondra ny fiadiana fa maty Saoly, dia mba nianjera tamin' ny sabany koa izy ka maty. **6** Ka dia niara-maty Saoly sy ny zanany telo lahy ary ny ankohonany rehetra. **7** Ary nony hitan' ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely teny amin' ny lohasaha fa nandositra ny olona, ary maty Saoly sy ny zanany, dia niala tamin' ny tanànany izy ka nandositra; ary dia tonga ny Filistina ka nonina tao. **8** Ary nony ampitso, raha tonga haka ny zavatra teo amin' ny faty ny Filistina, dia nahita an' i Saoly sy ny zananilahy niampatrampatra teo an-tendrombohitra Gilboa izy. **9** Dia nesoriny ny akanjony, ka nentiny ny lohany sy ny fiadiany, ary dia naniraka tany amin' ny tanin' ny Filistina manodidina izy hanambara izany zavatra mahafaly izany tamin' ny sampiny sy ny olona. **10** Dia napetrany tao an-tranon' ny andriamaniny ny fiadian' i Saoly, ary nohomboany teo amin' ny tempolin' i Dagona ny lohany. **11** Ary nony ren' ny mponina rehetra tao Jabesi-gileada izay rehetra nataon' ny Filistina tamin' i Saoly, **12** dia niainga ny lehilahy mahery rehetra naka ny fatin' i Saoly sy ny fatin' ny zanany ka nitondra azy ho any Jabesy, ary nandevina ny taolany teo ambanin' ilay hazo terebinta tany Jabesy izy, ary dia nifady hanina hafitoana. **13** Eny, maty Saoly noho ny nivadihany tamin' i Jehovah, dia noho ny tsy nitandremany ny tenin' i Jehovah sy noho ny nakany saina tamin' izay nanao azy ho tsindrian-javatra **14** ary noho ny tsy nanontaniany tamin' i Jehovah; ka dia novonoiny izy, ary nafindrany ho an' i Davida, zanak' i Jese, ny fanjakana.

11 Ary dia nivory teo amin' i Davida tao Hebrona ny Isiraely rehetra ka nanao hoe: Indreto izahay, fa taolanao sy nonao. **2** Hatry ny fahiny ihany koa, fony Saoly mbola nanjaka aza, dia ianao ihany no mpitarika ny Isiraely nivoaka sy niditra; ary hoy Jehovah Andriamanitrao taminao; Hianao no ho mpiandry ny Isiraely oloko, ary ianao no ho mpanapaka azy. **3** Eny, tonga tao amin' ny mpanjaka tao Hebrona ny loholon' ny Isiraely rehetra; ary Davida nanao fanekena taminy tao Hebrona teo anatrehan' i Jehovah; ary dia nanosotra an' i Davida ho mpanjakan' ny Isiraely izy araka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Samoela. **4** Ary Davida sy ny Isiraely rehetra nankany Jerosalema (Jebosa izany); ary tao ny Jebosita tompon-tany. **5** Ary hoy ny mponina tao Jebosa tamin' i Davida: Tsy ho tafiditra eto ianao. Kanjo afak' i Davida ihany ny batery fiarovana, dia Ziona (Tanànan' i Davida izany). **6** Ary hoy Davida: Na iza na iza no hamely voalohany ny Jebosita, dia izy no ho lohany sy ho komandy. Ary Joaba, zanak' i Zeroia, no niakatra voalohany, ka dia izy no lohany. **7** Dia nitoetra tao anatin' ny batery fiarotana Davida, ka izany no nanaovana ny anarany hoe Tanànan' i Davida **8** Ary nandrafitra ny manodidina ny tanàna hatrany Milo izy; ary Joaba nampamboatra ny sisa tamin' ny tanàna. **9** Koa dia nandroso nihalehibe Davida; fa Jehovah, Tompon' ny maro, no nomba azy. **10** Ary izao no lohan' ny lehilahy maherin' i Davida izay nifikitra mafy taminy tamin' ny fanjakany, mbamin' ny Isiraely rehetra hampanjaka azy araka ny tenin' i Jehovah ny amin' ny Isiraely. **11** Dia izao no isan' ny lehilahy maherin' i Davida: Jasobeama, zanak' i Hakmony, lehiben' ny mpanafika malaza; izy no namely telon-jato lahy tamin' ny lefona ka naharingana azy tamin' ny ady indray mandeha monja. **12** Ary ny manarakaraka azy dia Eleazara, zanak' i Dodo Ahohita, anankiray amin' izy telo lahy mahery. **13** Izy dia teo amin' i Davida tao Efesa-damima, raha vory teo ny Filistina hiady, ary ny tany nisy vary hordea maniry, ary ny olona nandositra ny Filistina. **14** Fa nijanona teo afovoan' io tany io kosa Eleazara ka nahazo io ary namono ny Filistina, ka dia nanao famonjena lehibe Jehovah. **15** Ary nisy telo lahy malaza tamin' ny telo-polo nidina nankeo amin' ny vatolampy ho any amin' i Davida tamin' ny zohin' i Adolama; ary ny miaramilan' ny Filistina nitoby tao amin' ny Lohasahan' ny Refaïta. **16** Ary Davida dia tao amin' ny batery fiarovana tamin' izay, ary ny miaramilan' ny Filistina kosa dia tao Betlehema. **17** Ary Davida naniry ka nanao hoe: Enga anie ka hisy hampisotro rano ahy avy amin' ny fantsakana ao Betlehema, ilay ao akaikin' ny vavahady. **18** Ary izy telo lahy ireo namaky teo amin' ny miaramilan' ny Filistina ka nanovo rano tao amin' ny fantsakana tao Betlehema, ilay tao akaikin' ny vavahady, dia nentiny ho any amin' i Davida. Kanjo tsy nety nisotro izy, fa naidiny ho an' i Jehovah. **19** Fa hoy izy: Sanatria amiko eo anatrehan' Andriamanitra raha hanao izany; hisotro ny ran' ireto olona nanao vi-very ny ainy ireto va aho? fa nanao vi-very ny ainy izy ireo tamin' ny nakany ity. Ka dia tsy nety nisotro izy. Izany zavatra izany no nataon' ireo telo lahy mahery ireo. **20** Ary Abisay, rahalahin' i Joaba, no lehibe tamin' izy telo lahy; fa izy koa namely telonjato lahy tamin' ny lefona ka nahafaty azy, ka dia izy no nalaza tamin' izy telo lahy. **21** Eny, tamin' izy telo lahy dia izy no nanana voninahitra mihoatra noho ny azy roa lahy, fa izy no lehibeny; nefa tsy nahomby azy telo lahy teo izy. **22** Ary Benaia, zanak' i Joiada, zanaky ny lehilahy mahay tany Kabzela, izay nahavita asa be, izy no nahafaty ny roa lahy mahery tany Moaba; ary izy koa no nidina namono ny liona tao anatin' ny lavaka fantsakana tamin' ilay andro nisy oram-panala iny. **23** Ary izy koa no namono ilay Egyptiana makadiry, izay dimy hakiho ny halavany, nefa teny an-tànan' ilay Egyptiana nisy lefona tahaka ny vodi-tenon' ny mpanenona; nefa namorotsahan' i Benaia tamin' ny tehiny ihany izy, dia nosarihany ny lefona teny an-tànan' ilay Egyptiana, ka iny lefony iny ihany no namonoany azy. **24** Izany zavatra izany no nataon' i Benaia, zanak' i Joiada, ary tamin' izy telo lahy mahery dia izy no nalaza. **25** Indro fa be voninahitra tamin' ny telo-polo lahy izy, nefa tsy nahomby azy telo lahy teo; ary Davida nanao azy ho isan' ny mpanolo-tsaina azy. **26** Ary ny lehilahy mahery dia Asahela, rahalahin' i Joaba, sy Elanana, zanak' i Dodo, avy any Betlehema, **27** sy Samota Harorita sy Haleza Pelonita **28** sy Ira, zanak' Ikesy Tekoïta, sy Abiezera Anatotita **29** sy Sibekay Hosatita sy Ely Ahohita **30** sy Maharay Netofatita sy Heleda, zanak' i Bana Netofatita, **31** sy Itahy, zanak' i Ribay avy any Gibean' ny taranak' i Benjamina, sy Benaia Piratonita **32** sy Horay, any amin' ny lohasahan-driak' i Gasy, sy Abiela Arbatita **33** sy Azmaveta Baharomita sy Eliaba Salbonita **34** sy ny zanak' i Hasema Gizonita sy Jonatana, zanak' i

Sage Hararita, **35** sy Ahiama, zanak' i Sakara Hararita, sy Elifala, zanak' i Ora, **36** sy Hefera Mekeratita sy Ahia Pelonita **37** sy Hezro Karmelita sy Naray, zanak' i Ezbay, **38** sy Joela, rahalahin' i Natana, sy Mibara, zanak' i Hagry. **39** sy Zaleta Amonita sy Naharay Berotita, mpitondra ny fiadian' i Joaba, zanak' i Zeroia, **40** sy Ira Jitrita sy Gareba Jitrita **41** sy Oria Hetita sy Zabada, zanak' i Ahelay, **42** sy Adina, zanak' i Siza Robenita, mpifehy ny Robenita, ary ny namany telo-polo lahy koa, **43** sy Hanana, zanak' i Maka, sy Josafata Mitnita **44** sy Ozia Astartita ary Sama sy Jeiela, zanak' i Hotama Aroerita, **45** sy Jediaela, zanak' i Simry, sy Joha Tizita rahalahiny **46** sy Eliala Mahavita sy Jeribay sy Josavia, zanak' i Elnama, sy Jitma Moabita **47** sy Eliala sy Obeda ary Jasiela Mezobaïta.

12 Ary izao no nankany amin' i Davida tany Ziklaga, fony izy mbola niery an' i Saoly, zanak' i Kisy; ary isan' ny lehilahy mahery mpanampy amin' ny ady ireo **2** sady mpitondra tsipìka ka nahay nanavia sy nanavanana raha nitora-bato na nandefa tsipìka. Isan' ny Benjamita, rahalahin' i Saoly, ireo. **3** Ny lohany dia Ahiezera sy Joasy, zanak' i Sema Gibeatita, sy Jeziela sy Peleta zanak' i Azmaveta, ary Beraka sy Jeho Anatotita **4** ary Jismaia Gibeonita, lehilahy mahery isan' ny telo-polo lahy sady mpifehy ny telo-polo lahy, ary Jeremia sy Jahaziela sy Johanana sy Jozababa Gaderatita **5** sy Elozay sy Jerimota ary Bealia sy Semaria sy Sefatia Harofita **6** sy Elkana sy Jisia sy Azarela sy Joezera ary Jasobeama Koraïta **7** ary Joela sy Zebadia, zanak' i Jerohama avy any Gedora. **8** Ary tamin' ny Gadita nisy lehilahy mahery niendaka hanatona an' i Davida ho amin' ny fiarovana tany an-efitra, dia ny miaramila nahay niady ka nahatana ampinga lehibe sy lefona; ny tarehiny dia tahaka ny tarehin' ny liona, ary faingam-pandeha tahaka ny gazela eny an-tendrombohitra izy. **9** Ezera no voalohany, Obadia no faharoa, Eliaba no fahatelo, **10** Mismana no fahefatra, Jeremia no fahadimy, **11** Atahy no fahenina, Eliala no fahafito, **12** Johanana no fahavalo, Elizabada no fahasivy, **13** Jeremia no fahafolo, Makbanay no fahiraika ambin' ny folo. **14** Ireo no isan' ny taranak' i Gada sady samy mpifehy miaramila; ny kely indrindra naharesy olona zato, ary ny lehibe indrindra naharesy arivo. **15** Ireo no nita an' i Jordana tamin' ny volana voalohany, fony iny nihoatra ny morony rehetra; ary nampandositra izay rehetra teny amin' ny lohasaha na atsinanana na andrefana ireo. **16** Ary nisy tamin' ny taranak' i Benjamina sy Joda nankany amin' i Davida tany amin' ny fiarovana. **17** Ary Davida nivoaka hitsena azy ka niteny taminy hoe: Raha fihavanana no ihavianareo atỳ amiko hanampy ahy, dia hikambana isika; fa raha avy hamadika ahy kosa ianareo ho azon' ny fahavaloko, nefa tsy mba nanao an-keriny ny tanako, dia Andriamanitry ny razantsika no hijery sy hamaly izany. **18** Ary Amasay, lehiben' ny mpanafika malaza, dia nampitenenin' ny Fanahy hoe: Anao izahay, ry Davida ô, fa miandany aminao, ry zanak' i Jese; fiadanana, eny, fiadanana anie ho anao, ary fiadanana anie ho an' ny manampy anao; fa Andriamanitrao no manampy anao. Dia noraisin' i Davida ireo ka notendreny ho mpifehy ny miaramila. **19** Ary nisy sasany tamin' ny Manase niala hanatona an' i Davida, raha nomba ny Filistina hiady amin' i Saoly izy, nefa tsy nanampy azy izy; fa ireo andrianan' ny Filistina nifampisaina, dia nampandeha azy ka nanao hoe: Ny lohantsika no ho entiny mila sitraka hiverenany amin' i Saoly tompony. **20** Raha nankany Ziklaga izy, nisy tamin' ny Manase nanatona azy, dia Adna sy Jozabada sy Jediada sy Mikaela sy Jozabada sy Eliho ary Ziletahy, mpifehy arivo tamin' ny Manase. **21** Ary ireo dia nanampy an' i Davida hamely ny antokon' ny jirika; fa lehilahy mahery avokoa izy sady komandy amin' ny miaramila. **22** Fa tamin' izany nisy nankany amin' i Davida isan' andro isan' andro hanampy azy mandra-pahatongany ho toby lehibe toy ny tobin' Andriamanitra. **23** Ary izao no isan' ny miaramila efa voaomana hiady, izay tonga tao amin' i Davida tao Hebrona hamindra ny fanjakan' i Saoly ho azy araka ny tenin' i Jehovah: **24** Tamin' ny taranak' i Joda, valon-jato amby enina arivo, mpitondra ampinga lehibe sy lefona sady efa voaomana hiady. **25** Tamin' ny taranak' i Simeona, zato amby fito arivo, lehilahy mahery sady matanjaka amin' ny ady. **26** Tamin' ny taranak' i Levy, enin-jato amby efatra arivo. **27** Ary Joiada dia lehiben' ny Aronita, ary nisy fiton-jato amby telo arivo teo aminy; **28** ary Zadoka, zatovo mahery, sy ny fianakaviany, dia roa amby roa-polo lahy mpifehy. **29** Ary tamin' ny taranak' i Benjamina, havan' i Saoly, telo arivo; fa hatramin' izany ny ankamaroany mbola nomba ny mpianakavin' i Saoly ihany. **30** Ary tamin' ny taranak' i Efraima dia valon-jato amby roa alina, lehilahy mahery avokoa sady samy nalaza tamin' ny fianakaviany avy. **31** Ary tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase dia valo arivo amby iray alina, izay notononina anarana ho avy hampanjaka an' i Davida. **32** Ary tamin' ny taranak' Isakara dia roanjato no lohany, samy nahay namantatra tsara izay fotoana mety ka nahalala izay lokony hataon' ny Isiraely; ary ny rahalahiny rehetra nanaraka ny teniny. **33** Tamin' ny Zebolona, izay azo nalefa hanafika ka nahay niady tamin' ny fiadiana samy hafa rehetra dia dimy alina, izay nahay nilahatra tsara tamin' ny firaisan-kina. **34** Ary tamin' ny Naftaly dia nisy mpifehy arivo, ary manaraka azy dia nisy fito arivo amby telo alina amin' ampinga lehibe sy lefona. **35** Ary tamin' ny Danita dia enin-jato amby valo arivo sy roa alina izay nahay niady. **36** Ary tamin' ny Asera, efatra alina izay azo nalefa hanafika sady nahay niady. **37** Ary avy tany an-dafin' i Jordana, tamin' ny Robenita sy ny Gadita ary ny antsasaky ny firenen' i Manase, nisy roa alina amby iray hetsy nitana fiadiana samy hafa rehetra. **38** Ireo miaramila rehetra ireo, izay nahay nilahatra tsara, dia niray fo nankany Hebrona hampanjaka an' i Davida amin' ny Isiraely rehetra; ary ny sisa rehetra tamin' ny Isiraely koa niray fo hampanjaka an' i Davida. **39** Ary tao amin' i Davida hateloana izy sady nihinana sy nisotro; fa efa nanao nahandro ho azy ny rahalahiny. **40** Ary izay teo akaikiny koa hatramin' ny Isakara sy ny Zebolona ary ny Naftaly dia samy nampitondra hanina samy hafa nentin' ny boriky sy rameva sy ampondra ary omby, dia koba sy ampempan' aviavy sy voaloboka maina sy divay sy diloilo, ary omby sy

ondry aman' osy betsaka koa; fa nisy fifaliana tamin' ny Isiraely.

13 Ary Davida naka saina tamin' ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato, dia ny mpifehy rehetra, **2** Ka hoy Davida tamin' ny Isiraely rehetra izay tafangona: Raha ataonareo ho mety, sady avy amin' i Jehovah Andriamanitsika izany, dia andeha isika haniraka faingana any amin' ny rahalahintsika rehetra izay sisa amin' ny tanin' ny Isiraely rehetra ary amin' ny mpisorona sy ny Levita koa, izay any amin' ny tanànany sy ny tany manodidina azy, mba hivory atỳ amintsika; **3** Ary aoka ho entintsika atỳ amintsika indray ny fiaran' Andriamanitsika; fa tsy nahoantsika tamin' ny andron' i Saoly izany. **4** Ary ny olona rehetra izay tafangona dia nanaiky hanao izany, satria marina teo imason' ny olona rehetra izany. **5** Dia novorin' i Davida ny Isiraely rehetra hatrany Sihora any Egypta ka hatrany akaikin' i Hamata haka ny fiaran' Andriamanitra avy any Kiriata-jearima. **6** Dia niakatra Davida sy ny Isiraely rehetra hankany Bala any Joda (Kiriata-jearima izany) hampakatra ny fiaran' i Jehovah Andriamanitra, Izay mipetraka amin' ny kerobima, dia ilay niantsoany ny anarany. **7** Ary nentiny tamin' ny sariety vaovao niala tao an-tranon' i Abinadaba ny fiaran' Andriamanitra, ary Oza sy Ahio no nampandeha ny sariety. **8** Ary Davida sy ny Isiraely rehetra dia nitsinjaka fatratra teo anatrehan' Andriamanitra tamin' ny hira sy ny lokanga sy ny valiha sy ny ampongatapaka sy ny kipantsona ary ny trompetra. **9** Ary nony tonga teo amin' ny famoloan' i Kidona izy, dia naninjitra ny tànany hihazona ny fiara Oza, satria nazeran' ny omby izany. **10** Dia nirehitra tamin' i Oza ny fahatezeran' i Jehovah, ka namely azy Izy noho ny naninjirany ny tànany tamin' ny fiara, dia maty teo anatrehan' Andriamanitra izy. **11** Ary dia tezitra Davida noho ny namelezan' i Jehovah an' i Oza, ka dia nataony hoe Perez-oza no anaran' izany tany izany mandraka androany. **12** Ary Davida natahotra an' Andriamanitra tamin' izany andro izany ka nanao hoe: Nahoana aho no hitondra ny fiaran' Andriamanitra ho atỳ amiko? **13** Dia tsy nafindran' i Davida ho ao aminy ao an-tanànan' i Davida ny fiara, fa naviliny ho ao an-tranon' i Obed-edoma Gatita. **14** Ary nipetraka telo volana tao amin' ny ankohonan' i Obed-edoma tao an-tranony ny fiaran' Andriamanitra; ka dia notahin' i Jehovah ny ankohonan' i Obed-edoma sy izay rehetra nananany.

14 Ary Hirama, mpanjakan' i Tyro, naniraka olona tany amin' i Davida sady nampanatitra hazo sedera ary nandefa mpanao trano vato sy mpandrafitra hanao trano ho azy. **2** Dia fantatr' i Davida fa Jehovah efa nampitoetra azy ho mpanjakan' ny Isiraely, ka voasandratra ny fanjakany noho ny amin' ny Isiraely olony. **3** Ary Davida nampaka-bady koa tany Jerosalema ka niteraka zazalahy sy zazavavy. **4** Ary izao no anaran' ny zanany naterany tany Jerosalema: Samoa sy Sobaba sy Natana sy Solomona **5** sy Jibara sy Elisoa sy Elipeleta **6** sy Noga sy Nafega sy Jafia **7** sy Elisama sy Seliada ary Elifeleta. **8** Koa nony ren' ny Filistina fa efa nohosorana ho mpanjakan' ny Isiraely rehetra Davida, dia niakatra hitady azy ny Filistina rehetra. Koa raha ren' i Davida izany, dia nivoaka hiady taminy izy. **9** Ary dia tonga ny Filistina ka nihahakahaka teny amin' ny Lohasahan' ny Refaïta. **10** Ary Davida nanontany tamin' Andriamanitra hoe: Hiakatra hamely ny Filistina va aho? Hatolotrao eo an-tanako va izy? Dia hoy Jehovah taminy: Miakara, fa hatolotro eo an-tananao izy. **11** Dia niakatra nankao Bala-perazima Davida ka namely azy teo; dia hoy izy: Ny tanako no namakian' Andriamanitra ny fahavaloko hipariaka toy ny rano vaky; koa izany no nanaovany ny anaran' izany tany izany hoe Bala-perazima. **12** Dia nilaozan' ireny teo ireo andriamaniny, ka dia nasain' i Davida nodorana tamin' ny afo. **13** Ary tonga indray ny Filistina ka nihahakahaka teny an-dohasaha indray. **14** Dia nanontany tamin' Andriamanitra indray Davida ka novaliany hoe: Aza mandeha hanenjika azy; fa mivilia azy, dia mandehana, fa ho tonga eo aminy ianao eo amin' ny tandrifin' ny hazo balsama. **15** Ary raha toa mahare fingadongadon' olona eny amin' ny tendron' ny hazo balsama ianao, dia miaingà amin' izay hiady; fa amin' izay no efa miainga mialoha anao Andriamanitra hamely ny miaramilan' ny Filistina. **16** Ary dia nanao araka izay nandidian' Andriamanitra azy Davida, ka dia namely ny miaramilan' ny Filistina hatrany Gibeona ka hatrany Gazera izy. **17** Ary ny lazan' i Davida niely teny amin' ny tany rehetra; ary nataon' i Jehovah nahazo ny firenena rehetra ny tahotra an' i Davida.

15 Ary Davida nanao trano ho azy tao an-Tanànan' i Davida sady namboatra fitoerana sy nanorin-day ho an' ny fiaran' Andriamanitra. **2** Ary tamin' izay dia hoy Davida: Tsy misy tokony hitondra ny fiaran' Andriamanitra afa-tsy ny Levita ihany, satria izy no efa nofidin' i Jehovah hitondra ny fiaran' Andriamanitra sy hanao fanompoam-pivavahana ho Azy mandrakizay. **3** Dia novorin' i Davida tany Jerosalema ny Isiraely rehetra hampakatra ny fiaran' i Jehovah ho any amin' ny fitoerana izay namboariny ho azy. **4** Ary novorin' i Davida ny taranak' i Arona sy ny Levita: **5** tamin' ny taranak' i Kehata dia Oriela lehibeny sy ny rahalahiny roa-polo amby zato; **6** tamin' ny taranak' i Merary dia Asaia lehibeny sy ny rahalahiny roa-polo amby roan-jato; **7** tamin' ny taranak' i Gersona dia Joela lehibeny sy ny rahalahiny telo-polo amby zato; **8** tamin' ny taranak' i Elizafana dia Semaia lehibeny sy ny rahalahiny roan-jato; **9** tamin' ny taranak' i Hebrona dia Eliala lehibeny sy ny rahalahiny valo-polo, **10** tamin' ny taranak' i Oziela dia Aminadaba lehibeny sy ny rahalahiny roa ambin' ny folo amby zato. **11** Ary Davida niantso an' i Zadoka sy Abiatara mpisorona sy ny Levita, dia Oriela sy Asaia sy Joela sy Semaia sy Eliala ary Aminadaba, **12** ka nanao taminy hoe: Hianareo lohan' ny fianakavian' ny Levita, hamasino ny tenanareo, dia ianareo sy ny rahalahinareo, mba hampakaranareo ny fiaran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, ho ao amin' ilay namboariko ho azy. **13** Satria tsy ianareo no tamin' ilay teo, dia nasian' i Jehovah Andriamanitsika isika, fa tsy nitady Azy araka ny voadidy. **14** Dia nanamasina ny tenany ny mpisorona sy ny Levita hampakatra ny fiaran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **15** Ary ny Levita nilanja ny fiaran' Andriamanitra tamin'

ny hazo, tahaka ny nandidian' i Mosesy araka ny tenin' i Jehovah. **16** Ary ireo lehiben' ny Levita dia nasain' i Davida nanendry ny mpihira rahalahiny hitondra ny zavamaneno, dia ny valiha sy ny lokanga ary hampaneno ny kipantsona, mba hanandra-peo amin' ny fifaliana. **17** Ka dia notendren' ny Levita Hemana, zanak' i Joela; ary tamin' ny rahalahiny dia Asafa, zanak' i Berekia; ary tamin' ny taranak' i Merary rahalahiny dia Etana, zanak' i Kosaia; **18** ary naman' ireo ihany koa ny rahalahiny manarakaraka, dia Zakaria sy Bena sy Jaziela sy Semiramota sy Jehiela sy Ony sy Eliaba sy Benaia sy Mahaseia sy Matitia sy Elifeleho sy Mikneia sy Obed-edoma ary Jeiela, mpiandry varavarana. **19** Ary Hemana sy Asafa ary Etana mpihira dia nasaina nitondra kipantsona varahina hampanenoina. **20** Ary Zakaria sy Aziela sy Semiramota sy Jehiela sy Ony sy Eliaba sy Mahaseia sy Benaia no nasaina nitendry valiha tamin' ny Alamota. **21** Ary Matitia sy Elifeleho sy Mikneia sy Obed-edoma sy Jeiela ary Azazia no nasaina nitendry ny lokanga tamin' ny Seminita ho mpitarika. **22** Ary Kenania, lehiben' ny Levita, no tonian' ny fitondrana; ary nampianatra ny fitondrana izy, fa nahay. **23** Ary Berekia sy Elikana no mpiandry varavarana amin' ny fiara. **24** Ary Sebania sy Josafata sy Netanela sy Amasay sy Zakaria sy Benaia ary Eliezera, izay samy mpisorona, no nitsoka ny trompetra teo alohan' ny fiaran' Andriamanitra, ary Obed-edoma sy Jehia koa no mpiandry varavarana amin' ny fiara. **25** Ary Davida sy ny loholon' ny Isiraely mbamin' ny mpifehy arivo no nandeha hampakatra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah avy tao an-tranon' i Obed-edoma tamin' ny fifaliana. **26** Ary rehefa nomban' Andriamanitra ny Levita izay nilanja ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, dia namono vantotr' ombilahy fito sy ondrilahy fito hatao fanatitra izy. **27** Ary niakanjo akanjo rongony fotsy madinika Davida, ary niakanjo toy izany koa ny Levita rehetra izay nitondra ny fiara ary ny mpihira sy Kenania, tonian' ny fitondrana, mbamin' ny mpihira; ary Davida nisalotra efoda rongony fotsy koa. **28** Toy izany no nampakaran' ny Isiraely rehetra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah tamin' ny fihobiana sy ny feon' ny anjomara sy ny trompetra ary ny kipantsona sy tamin' ny fitendrena ny valiha sy ny lokanga. **29** Ary nony tonga tao an-Tanànan' i Davida ny fiaran' ny faneken' i Jehovah, dia nitsirika teo am-baravarankely Mikala, zanakavavin' i Saoly, ka nahita an' i Davida mpanjaka nibitaka sy nitsinjaka; ka dia nikizaka azy tao am-pony izy.

16 Ary nampiditra ny Fiaran' Andriamanitra ny olona ka nametraka azy tao afovoan' ny lay izay naorin' i Davida ho azy; ary nanatitra fanatitra dorana sy fanatipihavanana teo anatrehan' Andriamanitra izy. **2** Ary nony voatitr' i Davida ny fanatitra odorana sy ny fanatipihavanana, dia nitso-drano ny olona tamin' ny anaran' i Jehovah izy. **3** Dia nizara mofo iray avy sy hena iray didy ary ampempam-boaloboka ho an' ny Isiraely rehetra na lahy na vavy izy. **4** Ary ny Levita sasany notendren' i Davida ho mpanao fanompoam-pivavahana eo anatrehan' ny fiaran' i Jehovah mba hankalaza sy hisaotra ary hidera an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: **5** Asafa no lohany, ary Zakaria no nanarakaraka, dia Jeiela sy Semiramota sy Jehiela sy Matitia sy Eliaba sy Benaia sy Obed-edoma ary Jeiela no nitendry ny valiha sy ny lokanga; fa Asafa no nampaneno ny kipantsona; **6** Benaia sy Jahaziela mpisorona kosa no mpitsoka ny trompetra mandrakariva eo anoloan' ny fiaran' ny faneken' Andriamanitra. **7** Tamin' izay andro izay no voalohan' ny nanendren' i Davida an' i Asafa sy ny rahalahiny hidera an' i Jehovah. **8** Miderà an' i Jehovah, miantsoa ny anarany; Ampahafantaro ny firenena ny asany. **9** Mihira ho Azy, mankalazà Azy; Saintsaino ny fahagagana rehetra ataony. **10** Ataovy ho reharehanareo ny anarany masìna; Aoka hifaly ny fon' izay mitady an' i Jehovah. **11** Mitadiava an' i Jehovah sy ny heriny, Katsaho mandrakariva ny tavany. **12** Mahatsiarova ny asa mahagaga izay nataony, dia ny fahagagany sy ny fitsaran' ny vavany, **13** Hianareo taranak' Isiraely mpanompony, Hianareo olom-boafidiny, taranak' i Jakoba. **14** Jehovah, Izy no Andriamanitsika, manerana ny tany rehetra ny fitsarany. **15** Tsarovy mandrakizay ny fanekeny. Dia ilay teny voadidiny ho an' ny taranaka arivo mandimby, **16** Eny, dia ilay nataony tamin' i Abrahama sy ny fianianany tamin' Isaka, **17** Izay naoriny ho lalàna ho an' i Jakoba sy ho fanekena mandrakizay ho an' Isiraely, **18** Ka nataony hoe: Homeko anao ny tany Kanana ho lovanareo voazara amin' ny famolaina; **19** Fony mbola olom-bitsy ianareo, Eny, Vitsy sady vahiny tao, **20** Ary nifindrafindra tany amin' ny firenena, sy nifindrafindra fanjakana ho amin' ny firenenkafa, **21** Tsy nisy navelany hampahory azy; Ary nananatra mpanjaka Izy noho ny amin' ireo hoe: **22** Aza manendry ireo voahosotro, Ary aza manisy ratsy Ireo mpaminaniko. **23** Mihira ho an' i Jehovah, ry tany rehetra; Lazao isan' andro isan' andro ny famonjeny mahafaly. **24** Ambarao any amin' ny jentilisa ny voninahiny, ary any amin' ny firenena rehetra ny fahagagana ataony. **25** Fa lehibe Jehovah ka mendrika hoderaina indrindra, sady mahatahotra, fa ambonin' ny andriamanitra rehetra. **26** Fa ny andriamanitry ny firenena rehetra dia tsinontsinona, fa Jehovah no nanao ny lanitra. **27** Famirapiratana sy voninahitra no eo anatrehany, Hery sy hafaliana no ao amin' ny fitoerany. **28** Ry firenena, manomeza an' i Jehovah, eny, manomeza voninahitra sy hery ho an' i Jehovah. **29** Manomeza an' i Jehovah ny voninahitry ny anarany; Mitondrà fanatitra, ka mankanesa eo anatrehany; Miankohofa eo anatrehan' i Jehovah amin' ny fihaingoana masìna **30** Mangovita eo anatrehany, ry tany rehetra; Izao rehetra izao voaorina ka tsy hihetsika. **31** Aoka ho faly ny lanitra ary ho ravo ny tany; Ary aoka holazaina any amin' ny firenena hoe: Jehovah no Mpanjaka. **32** Aoka hirohondrohona ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy; Aoka ho faly ny saha sy izay rehetra ao aminy. **33** Dia hihoby eo anatrehan' i Jehovah amin' izay ny hazo an' ala; Fa avy hitsara ny tany Izy. **34** Miderà an' i Jehovah, fa tsara Izy: Fa mandrakizay ny famindram-pony. **35** Ary manaova hoe: Vonjeo izahay, ry Andriamanitry ny famonjena anay ô, ary angòny izahay, ka vonjeo tsy ho azon' ny jentilisa, Mba hisaoranay ny anaranao masìna, ka ho reharehanay ny fiderana Anao. **36** Isaorana anie Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, hatramin' ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Ary ny olona rehetra nanao hoe: Amena, sady nidera an' i Jehovah. **37** Ary Asafa sy ny rahalahiny dia navelan' i Davida teo anoloan' ny fiaran' ny faneken' Jehovah hanao fanompoam-pivavahana ao mandrakariva araka ny raharaha tokony hatao isan' andro, **38** ary Obed-edoma sy ny rahalahiny valo amby enim-polo sy Obed-edoma, zanak' i Jedotona, ary Hosa ho mpiandry varavarana kosa. **39** Ary Zadoka mpisorona sy ny mpisorona rahalahiny dia navelany teo anoloan' ny tabernakelin' i Jehovah teo amin' ny fitoerana avo any Gibeona, **40** hanatitra fanatitra dorana ho an' i Jehovah marain-tsy hariva eo amin' ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana mandrakariva, ary hanao araka izay rehetra voasoratra ao amin' ny lalàn' i Jehovah, izay nandidiany ny Isiraely, **41** ary naman' ireo koa Hemana sy Jedotona ary ny sisa amin' ny olona voafidy izay voatonona anarana hidera an' i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony. **42** Ary tao amin' i Hemana sy Jedotona nisy trompetra sy kipantsona ho an' izay mampaneno ary ny fomban' ny zava-manenon' Andriamanitra. Ary ny zanak' i Jedotona no mpiandry varavarana. **43** Ary dia samy nody tany an-tranony avy ny olona rehetra, ary Davida koa lasa nody mba hitso-drano ny ankohonany.

17 Ary Davida, raha nipetraka tao an-tranony, dia nanao tamin' i Natana mpaminany hoe: Akory izato izaho mitoetra amin' ny trano sedera, nefa ny fiaran' ny neken' i Jehovah kosa mitoetra ao anaty lay! **2** Ary hoy Natana tamin' i Davida: Ataovy izay rehetra ao am-ponao, fa Andriamanitra no momba anao. **3** Nefa tamin' ny alin' iny ihany dia tonga tamin' i Natana ny tenin' Andriamanitra nanao hoe: **4** Andeha, lazao amin' i Davida mpanompoko hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Tsy ianao no hanao trano hitoerako; **5** fa tsy mbola nitoetra an-trano Aho hatramin' ny nitondrako ny Isiraely niakatra ka mandraka androany, fa nifindrafindra toby sy nifindrafindra toerana. **6** Ary tamin' izay rehetra nifindrafindrako niaraka tamin' ny Isiraely moa nisy nitenenako akory va ny mpitsaran' ny Isiraely, izay notendreko ho mpiandry ny oloko, ka nanaovako hoe: Nahoana no tsy nanao trano sedera ho Ahy ianareo? **7** Koa lazao amin' i Davida mpanompoko hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Izaho no naka anao tany an-tsaha, dia avy tamin' ny niandrasanao ondry, mba ho mpanapaka ny Isiraely oloko. **8** Ary nomba anao tamin' izay rehetra nalehanao Aho, ka naringako tsy ho eo anoloanao ny fahavalonao rehetra, ary homeko anarana tahaka ny anaran' izay lehibe ambonin' ny tany ianao. **9** Ary hifidy tany ho an' ny Isiraely oloko Aho sady hamponina azy, ka dia handry fahizay amin' ny fonenany izy ka tsy hanana ahiahy intsony, ary ny zanaky ny faharatsiana tsy hampahory azy intsony tahaka ny tany aloha **10** sy tahaka ny hatramin' ny andro nanendreko mpitsara ho mpifehy ny Isiraely oloko. Ary haetriko avokoa ny fahavalonao rehetra. Ary ambarako aminao koa fa Jehovah hanome taranaka anao. **11** Ary rehefa tapitra ny andronao, ka lasa any amin' ny razanao ianao, dia hatsangako ny zanakao anankiray mandimby anao, izay isan' ny terakao; ary hampitoeriko ny fanjakany; **12** dia io no hanao trano ho Ahy, ary Izaho kosa hampitoetra ny seza fiandrianany ho mandrakizay. **13** Izaho ho rainy, ary izy ho zanako; ary tsy hanaisotra ny famindram-poko aminy Aho, tahaka ny nanesorako izany tamin' ilay nodiasanao; **14** fa hampitoeriko ao an-tranoko sy ao amin' ny fanjakako mandrakizay izy; ary hampitoerina mandrakizay ny seza fiandrianany. **15** Araka izany teny rehetra izany sy araka izao fahitana izao no nolazain' i Natana tamin' i Davida. **16** Ary Davida mpanjaka niditra ka nipetraka teo anatrehan' i Jehovah, dia nanao hoe: Zinona moa aho, Jehovah Andriamanitra ô? Ary zinona moa ny mpianakaviko, no nentinao ambaraka ankehitriny aho? **17** Ary mbola nataonao ho zavatra kely ihany aza izany, Andriamanitra ô; fa, indro, efa voalazanao koa ny amin' ny taranaky ny mpanomponao hatramin' ny mbola any aoriana lavitra aza, ary nitsinjo ahy araka ny fanaon' ny olona Hianao, Jehovah Andriamanitra ô, ka nanandratra ahy. **18** Inona intsony no holazain' i Davida aminao ny amin' ny voninahitra omena ny mpanomponao? fa Hianao no mahalala ny mpanomponao. **19** Jehovah ô, noho ny amin' ny mpanomponao sy araka ny sitraponao no nanaovanao io zavatra lehibe io, mba hampihariharianа ireo zavatra lehibe rehetra ireo. **20** Jehovah ô, tsy misy tahaka Anao, ary tsy misy Andriamanitra afa-tsy Hianao, araka izay rehetra ren' ny sofinay. **21** Ary aiza moa no misy firenena etỳ an-tany tahaka ny Isiraely olonao, izay nalehan' Andriamanitra havotana ho olony, hanaovanao anarana lehibe sy mahatahotra ho Anao, dia tamin' ny nandroahanao firenena tsy ho eo anoloan' ny olonao, izay navotanao avy tany Egypta? **22** Fa ny Isiraely olonao nofidinao ho olonao mandrakizay, ary Hianao, Jehovah ô, no efa tonga Andriamaniny. **23** Ary ankehitriny, Jehovah ô, ilay teny nolazainao ny amin' ny mpanomponao sy ny taranany dia ampitoero ho mandrakizay, ary ataovy araka izay nolazainao. **24** Eny, aoka hampitoerina izany, ary aoka hohalehibiazina mandrakizay ny anaranao ka hatao hoe: Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, no Andriamanitry ny Isiraely; ka dia hampitoerina eo anatrehanao ny taranak' i Davida mpanomponao. **25** Fa Hianao, Andriamanitro ô, efa nanambara tamin' ny mpanomponao fa homenao taranaka izy; koa Izany no nampahasahy ny mpanomponao hivavaka eto anatrehanao. **26** Ary noho izany, Jehovah ô, satria Hianao no Andriamanitra, ary Hianao efa nilaza izany zava-tsoa izany ny amin' ny mpanomponao, **27** dia ho sitrakao ny hitahy ny taranaky ny mpanomponao haharitra mandrakizay eo anatrehanao; fa izay tahinao, Jehovah ô, dia voatahy mandrakizay.

18 Ary nony afaka izany, dia nandresy ny Filistina Davida ka nampietry azy, ary Gata sy ny zana-bohiny dia nesoriny tamin' ny tanan' ny Filistina. **2** Ary nandresy ny Moabita koa izy, ka dia tonga mpanompon' i Davida nandoa hetra ireo. **3** Dia resin' i Davida koa Hadarezera, mpanjakan' i Zoba akaikin' i Hamata, tamin' izy lasa nampiorina ny fanjakany teo amoron' ny ony Eofrata. **4** Ary Davida nahazo babo kalesy arivo taminy sy mpitaingin-tsoavaly fito arivo ary miaramila an-tongotra roa alina; ary notraingotraingoin' i Davida avokoa ny soavalin-kalesy rehetra, fa ny tokony ho

amin' ny kalesy zato ihany no navelany. **5** Ary nony tonga ny Syriana avy any Damaskosy hanampy an' i Hadarezera, mpanjakan' i Zoba, dia nahafatesan' i Davida olona roa arivo sy roa alina ny Syriana. **6** Ary nisy namponenin' i Davida tany Syria any Damaskosy; dia tonga mpanompon' i Davida ny Syriana ka nandoa hetra. Fa Jehovah nampahery an' i Davida teny amin' izay rehetra nalehany. **7** Ary nalain' i Davida ny ampinga volamena teny amin' ny mpanompon' i Hadarezera ka nentiny nankany Jerosalema. **8** Ary tao Tibata sy Kona, tanànan' i Hadarezera, no nahazoan' i Davida babo varahina be dia be, ary izany no nanaovan' i Solomona ilay tavin-drano varahina lehibe sy ny andry ary ny fanaka varahina. **9** Ary nony ren' i Toy, mpanjakan' i Hamata, fa Davida efa naharesy ny miaramila rehetra an' i Hadarezera, mpanjakan' i Zoba, **10** dia naniraka an' i Hadorama zanany hankany amin' i Davida mpanjaka izy hiarahaba sy hisaotra azy noho ny niadiany tamin' i Hadarezera sy ny nahareseny azy (fa Hadarezera dia fahavalon' i Toy), sady nampitondrainy fanaka volamena sy volafotsy ary varahina izay samy maro karazana izy. **11** Dia nohamasinin' i Davida mpanjaka ho an' i Jehovah koa izany mbamin' ny volafotsy sy ny volamena nentiny avy tamin' ny firenena rehetra, dia tany Edoma sy Moaba sy ny taranak' i Amona sy ny Filistina ary ny Amalekita **12** Ary Abisay, zanak' i Zeroia, naharesy ny Edomita teo amin' ny Lohasahan-tsira, dia lehilahy valo arivo sy iray alina. **13** Ary nametraka miaramila tany Edoma izy; dia tonga mpanompon' i Davida ny Edomita rehetra. Fa Jehovah nampahery an' i Davida teny amin' izay rehetra nalehany. **14** Ary Davida nanjaka tamin' ny Isiraely rehetra ka nitsara sy nitondra ny vahoakany rehetra tamin' ny fahamarinana. **15** Ary Joaba, zanak' i Zeroia, no komandin' ny miaramila; ary Josafata, zanak' i Ahiloda, no mpitadidy ny raharaham-panjakana. **16** Ary Zadoka, zanak' i Ahitoba, sy Abimeleka, zanak' i Abiatara, no mpisorona; ary Saosa no mpanoratra. **17** Ary Benaia, zanak' i Joiada, no mpifehy ny miaramila mpiambina andriana; ary ny zanak' i Davida no lehibe tamin' izay nanolotra ny mpanjaka.

19 Ary rehefa afaka izany, dia maty Nahasy, mpanjakan' ny taranak' i Amona, ary ny zanany no nanjaka nandimby azy. **2** Ary hoy Davida: Hanisy soa an' i Hanona, zanak' i Nahasy, aho, fa soa no nataon' ny rainy tamiko. Ary Davida naniraka olona hitsapa alahelo azy noho ny amin-drainy. Ary tonga tany amin' i Hanona tany amin' ny tanin' ny Amonita ny mpanompon' i Davida hitsapa alahelo azy. **3** Ary hoy ireo mpanapaka ny taranak' i Amona tamin' i Hanona: Moa ataonao ho fanajana ny rainao no anirahan' i Davida hitsapa alahelo anao? Fa tsy hizaha sy handrava ary hisafo ny tany va no nalehan' ireo mpanompony ireo atỳ aminao? **4** Dia nosamborin' i Hanona ny mpanompon' i Davida ka noharatany, sady nofolonany hatreo amin' ny foto-peny ny akanjony, ka dia nalefany hody izy. **5** Ary dia nisy lasa nanambara tamin' i Davida izay natao tamin' ireo lehilahy ireo; ary izy naniraka hitsena azy, fa afa-baraka loatra izy, ka dia hoy ny mpanjaka: Mitoera any Jeriko aloha ambara-panirin' ny somotrareo, vao mody ianareo. **6** Ary nony hitan' ny taranak' i Amona fa efa nanao izay nampangidy hoditra azy tamin' i Davida izy, dia naniraka nampanatitra talenta volafotsy arivo hakaramany kalesy sy mpitaingin-tsoavaly any Mesopotamia sy Syriamaka ary Zoba Hanona sy ny taranak' i Amona. **7** Dia nanakarama kalesy roa arivo amby telo alina mbamin' ny mpanjakan' i Maka sy ny olony izy; ary tonga ireo ka nitoby tandrifin' i Medeba. Ary nivory ny taranak' Amona niala tany amin' ny tanànany avy ka tamy hiady. **8** Ary nony ren' i Davida izany, dia naniraka an' i Joaba sy ny miaramila rehetra izy, dia ny lehilahy mahery. **9** Ary ny taranak' i Amona nivoaka ka nilahatra hiady teo anoloan' ny vavahadin' ny tanàna; fa ireo mpanjaka tonga ireo kosa dia nitokana teny an-tsaha. **10** Ary rehefa hitan' i Joaba fa sady teo anoloany no teo ivohony ny fahavalo, dia nifidy olona tamin' ireo voafantina tamin' ny Isiraely rehetra izy, ka nalahany hiady tamin' ny Syriana. **11** Ary ny olona sisa kosa nomeny ho entin' i Abisay rahalahiny, ka dia nilahatra hiady amin' ny taranak' i Amona ireo. **12** Ary hoy Joaba: Raha tsy tohako ny Syriana, dia vonjeo aho; fa raha tsy tohanao kosa ny taranak' i Amona, dia hovonjeko ianao; **13** mahereza, ary aoka hitombandahy isika ho an' ny firenentsika sy ireo tanànan' Andriamanitsika; ary aoka Jehovah hanao izay sitrapony. **14** Ary nandroso hiady tamin' ny Syriana Joaba sy ny olona nanaraka azy; ka dia nandositra niala teo anoloany ireo. **15** Ary nony hitan' ny taranak' i Amona fa nandositra ny Syriana, dia mba nandositra niala teo anoloan' i Abisay, rahalahin' i Joaba, koa izy ka niditra tao an-tanàna. Ary dia tonga tany Jerosalema Joaba. **16** Ary nony hitan' ny Syriana fa resy teo anoloan' ny Isiraely izy, dia naniraka olona izy haka ny Syriana izay tany an-dafin' ny Ony; ary Sobaka, komandin' ny miaramilan' i Hadarezera, no nitarika azy. **17** Ary nony nambara tamin i Davida izany, dia namory ny Isiraely rehetra izy ka lasa nita an' i Jordana, dia tonga teo aminy ka nilahatra hiady aminy. Ary nony nilahatra hiady amin' ny Syriana Davida, dia niady taminy ireo. **18** Fa vaky nandositra teo anoloan' ny Isiraely ny Syriana, ka nahafaty ny teo amin' ny kalesy fito arivo sy miaramila an-tongotra efatra alina tamin' ny Syriana Davida; ary matiny koa Sobaka, komandin' ny miaramila. **19** Ary nony hitan' ireo nanoa an' i Hadarezera fa resy teo anoloan' ny Isiraely izy, dia nanao fihavanana tamin' i Davida izy ka nanompo azy; ary tsy nety nanampy ny taranak' i Amona intsony ny Syriana.

20 Ary rehefa niherina ny taona, ka mby amin' ny andro fandehanan' ny mpanjaka hiady, dia nitondra ny miaramila rehetra Joaba ka nandrava ny tanin' ny taranak' i Amona, dia tonga izy ka nanao fahirano an' i Raba; fa Davida kosa nijanona tany Jerosalema ihany. Ary Joaba nahafaka an' i Raba, ka dia nandrava azy. **2** Dia nesorin' i Davida ny satro-boninahitr' ilay mpanjaka teo an-dohany, ka hitany fa talenta volamena iray no lanjany, sady nisy vato soa, ary dia nisatrohan' i Davida. Ary navoakany ny babo azo tao an-tanàna ka be dia be. **3** Ary dia navoakany koa ny olona izay tao, ka nasiany tamin' ny tsofa sy tamin' ny fangao-by lehibe sy ny famaky; toy izany no nataon' i

Davida tamin' ny tanànan' ny taranak' i Amona rehetra. Ary Davida sy ny vahoaka rehetra dia niverina nankany Jerosalema. **4** Ary nony afaka izany, dia nisy ady tamin' ny Filistina tao Gazera; tamin' izany no namonoan' i Sibekay Hosatita an' i Sipay, izay isan' ny taranaky ny Refaïta, ka dia naetriny ny Filistina. **5** Ary dia nisy ady tamin' ny Filistina indray ary Elanana, zanak' i Jaïra, namono an' i Lamy, rahalahin' i Goliata Gatita, izay nanan-jaran-defona tahaka ny vodi-tenon' ny mpanenona. **6** Ary nisy ady indray tao Gata; ary tao nisy lehilahy vaventibe izay enin-drantsana, ka dia efatra amby roa-polo no isan' ny rantsan-tànany sy ny rantsan-tongony; ary izy koa mba isan' ny taranaky ny Refaïta. **7** Ary nony nihaika ny Isiraely izy, dia nahafaty azy Jonatana, zanak' i Simea, rahalahin' i Davida. **8** Ireo no taranaky ny Refaïta tao Gata, ka matin' ny tànan' i Davida sy ny tanan' ny mpanompony ireo.

21 Ary Satana nitsangana hampidi-doza tamin' ny Isiraely ka nanome saina an' i Davida hanisa ny Isiraely. **2** Dia hoy Davida tamin' i Joaba sy tamin' ireo lehiben' ny vahoaka: Mandehana, isao ny Isiraely hatrany Beri-sheba ka hatrany Dana; ary ento atỳ amiko ny isany mba ho fantatro. **3** Fa hoy Joaba: Jehovah anie hampitombo ny olony ho injato toy izao na firy na firy izy; fa moa tsy mpanompon' ny tompoko izy rehetra, ry mpanjaka tompoko? Koa inona indray no itadiavan' ny tompoko izany zavatra izany? Nahoana no dia hampahadiso ny Isiraely? **4** Nefa tsy azon' i Joaba nolavina ny tenin' ny mpanjaka; ka dia niainga izy ka nitety ny Isiraely rehetra; dia tonga tany Jerosalema indray izy. **5** Ary natolotr' i Joaba an' i Davida ny isan' ny olona voalamina, ka nisy iray hetsy sy iray tapitrisa ny lehilahy mahatan-tsabatra teo amin' ny Isiraely; ary fito alina sy efatra hetsy ny lehilahy mahatan-tsabatra teo amin' ny Joda. **6** Fa ny Levy sy ny Benjamina tsy mba nalaminy, satria fahavetavetana tamin' i Joaba ny tenin' ny mpanjaka. **7** Ary tsy sitrak' Andriamanitra izany zavatra izany; ka dia namely ny Isiraely Izy. **8** Ary hoy Davida tamin' Andriamanitra; Efa nanota indrindra aho tamin' izao nataoko izao; koa ankehitriny, mifona aminao aho, esory ny heloky ny mpanomponao, fa efa nanao fahadalana lehibe tokoa aho. **9** Ary hoy Jehovah tamin' i Gada mpahitan' i Davida: **10** Mandehana, ka lazao amin' i Davida hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Zavatra telo loha no apetrako eto anoloanao, koa fidio izay iray hataoko aminao. **11** Ary Gada nankany amin' i Davida ka nanao taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Mifidia: **12** Mosary telo taona va? Sa fandringanana eo alohan' ny fahavalonao telo volana, raha tratry ny sabatry ny fahavalonao ianao? Sa ny sabatr' i Jehovah, dia areti-mandringana, no hamely ny tany hateloana, ka Ilay Anjelin' i Jehovah handringana eran' ny tanin' ny Isiraely rehetra? Koa hevero tsara izay valiny ho entiko miverina any amin' Izay naniraka ahy. **13** Ary hoy Davida tamin' i Gada: Indrisy! poritra loatra aho! nefa aleoko ho azon' ny tànan' i Jehovah, fa lehibe ny famindram-pony toy izay ho azon' izay tànan' olona. **14** Dia nasian' i Jehovah areti-mandringana ny Isiraely ka nahafatesana fito alina izy. **15** Ary Andriamanitra naniraka Anjely hankany Jerosalema handrava azy; ary raha ilay mbola nandrava iny Izy, dia nijery Jehovah ka nanenina ny amin' ny loza ka nanao tamin' Ilay Anjely nandrava hoe: Aoka izay! Atsaharo ny tananao ankehitriny. Ary Ilay Anjelin' i Jehovah nitsangana teo anilan' ny famoloan' i Araona Jebosita. **16** Ary Davida nanopy ny masony ka nahita Ilay Anjelin' i Jehovah nitsangana teo anelanelan' ny tany sy ny lanitra sady nitana sabatra voatsoaka teny an-tanany, izay natondrony manandrify an' i Jerosalema. Dia niankohoka Davida sy ny loholon' ny Isiraely, izay efa samy nitafy lamba fisaonana. **17** Ary hoy Davida tamin' Andriamanitra: Tsy izaho va no nandidy hanisa ny vahoaka? Izaho no nanota sy nanao ratsy tokoa; fa ireo ondry ireo kosa, inona moa no mba nataony? Eny, Jehovah Andriamanitro ô, mifona aminao re aho, aoka ny tananao hamely ahy sy ny mpianakavin' ny raiko, fa aza ny olonao no asianao amin' ny areti-mandringana. **18** Ary Gada nasain' Ilay Anjelin' i Jehovah hilaza amin' i Davida mba hiakatra hanangana alitara ho an' i Jehovah ao amin' ny famoloan' i Araona Jebosita. **19** Koa dia niakatra Davida araka ny tenin' i Gada, izay nolazainy tamin' ny anaran' i Jehovah. **20** Ary Araona niherika ka nahita Ilay Anjely; ary ny zanany efa-dahy izay teo aminy dia niery. Ary Araona nively vary tao tamin' izay. **21** Ary nony tonga teo amin' i Araona Davida, dia nijery Araona ka nahita an' i Davida, ary dia niala avy teo amin' ny famoloana izy ka niankohoka tamin' ny tany teo anatrehan' i Davida. **22** Ary hoy Davida tamin' i Araona: Mba omeo ahy amin' izay tokom-bidiny ity famoloana ity hanorenako alitara ho an' i Jehovah; omeo ahy izy, mba hitsaharan' ny areti-mandringana tsy hamely ny vahoaka. **23** Fa hoy Araona tamin' i Davida: Ento ary ho anao, ary aoka ny mpanjaka tompoko hanao izay sitrany; indro, omeko koa ny omby ho fanatitra dorana ary ny fivelezam-bary ho kitay ary ny vary tritika ho fanatitra hohanina; foiko avokoa izy rehetra. **24** Fa hoy Davida mpanjaka tamin' i Araona: Tsia, fa hovidiko mihitsy araka izay tokom-bidiny; fa tsy haka izay anao ho an' i Jehovah aho ary tsy hanatitra fanatitra dorana amin' izay azoko fotsiny. **25** Dia nomen' i Davida sekely volamena lanjan' enin-jato Araona ho vidin' ny tany. **26** Ary Davida nanorina alitara teo ho an' i Jehovah ka nanatitra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana; dia niantso an' i Jehovah izy ka novaliany tamin' ny afo avy tany an-danitra, izay latsaka teo amin' ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana. **27** Ary Jehovah nandidy Ilay Anjely, ka dia nampidiriny tamin' ny tranony ny sabany. **28** Tamin' izany andro izany, nony hitan' i Davida fa novalian' i Jehovah teo amin' ny famoloan' i Araona Jebosita izy, dia namono zavatra hatao fanatitra teo izy. **29** Fa ny tabernakelin' i Jehovah izay nataon' i Mosesy tany an-efitra sy ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana kosa dia teo amin' ny fitoerana avo tao Gibeona fahizay; **30** nefa Davida tsy nahazo nankeo anoloan' izany hanontany amin' Andriamanitra; fa raiki-tahotra izy noho ny sabatr' Ilay Anjelin' i Jehovah.

22 Dia hoy Davida: Eto no ho tranon' i Jehovah Andriamanitra, ary eto no ho alitara fandoroana ny fanatitra dorana ho an' ny Isiraely. **2** Ary nasain' i Davida

novorina ny olona hafa firenena izay tany amin' ny tanin' ny Isiraely, ka nanendreny tambato hipai-bato hanaovana ny tranon' Andriamanitra. **3** Ary Davida nahavonona vy betsaka hatao hombon' ny lela-vavahady sy ny fikambanany, ary varahina betsaka tsy hita lanja **4** sy hazo sedera tsy hita isa; fa ny mponina tany Sidona sy Tyro nitondra hazo sedera betsaka ho any amin' i Davida. **5** Fa hoy Davida: Solomona zanako mbola zaza sady tanora fanahy, ary ny trano hatao ho an' i Jehovah dia tsy maintsy ho lehibe indrindra, mba hiely any amin' ny tany rehetra ny lazany sy ny voninahiny, koa hovononiko rahateo ny zavatra ho enti-manao azy. Ka dia nahavonona betsaka Davida, raha mbola velona izy. **6** Ary niantso an' i Solomona zanany izy va nandidy azy hanao trano ho an' i Jehovah, andriamanitry ny Isiraely, **7** ary nanao taminy hoe: Anaka, efa mby tato am-poko ny hanao trano ho an' ny anaran' i Jehovah Andriamanitro; **8** saingy nisy tenin' i Jehovah tonga tamiko nanao hoe: Be ny rà efa nalatsakao, ary ady lehibe no efa nataonao; koa tsy mahazo manao trano ho an' ny anarako ianao, satria be ny rà efa nalatsakao tamin' ny tany teo imasoko. **9** Fa, indro, ianao hiteraka zazalahy, izay ho lehilahy miadana, ary hampiadaniko tsy hisy hahazo azy ny fahavalony rehetra manodidina; koa ny anarany dia hatao hoe Solomona; ary hampiadaniko sy hampandriko fahizay ny Isiraely amin' ny androny. **10** Izy no hanao trano ho an' ny anarako; ary izy ho zanako, ary Izaho ho rainy, ary Izaho hampitoetra ny seza fiandrianan' ny fanjakany amin' ny Isiraely mandrakizay. **11** Koa ankehitriny, anaka, ho aminao anie Jehovah, ka hambinina anie ianao, fa ataovy ny tranon' i Jehovah Andriamanitrao araka izay nilazany anao. **12** Ary homen' i Jehovah saina sy fahendrena anie ianao ka hatsangany ho mpanapaka ny Isiraely, mba hitandremanao ny lalan' i Jehovah Andriamanitrao. **13** Ary amin' izany dia hambinina ianao, raha mitandrina hankatò ny lalàna sy ny fitsipika izay nandidian' i Jehovah an' i Mosesy ho an' ny Isiraely; mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po. **14** Ary, he! fa na dia be fahoriana aza aho, dia nahavory talenta volamena iray hetsy sy talenta volafotsy iray tapitrisa ary varahina sy vy betsaka tsy hita lanja ho enti-manao ny tranon' i Jehovah; ary efa nahavonona hazo sy vato koa aho; ka dia ampionao kosa ireo. **15** Ary koa, efa manana mpiasa betsaka ianao, dia mpikapa hazo sy tambato sy mpandrafitra ary olona mahay ny asa samy hafa rehetra. **16** Ny volamena sy ny volafotsy ary ny varahina sy ny vy dia tsy hita isa. Koa mitsangàna ianao, ka manaova, ary homba anao anie Jehovah. **17** Ary Davida nandidy ny lehibe rehetra tamin' ny Isiraely hanampy an' i Solomona zanany hoe: **18** Tsy momba anareo va Jehovah Andriamanitrareo ka efa nampiadana anareo amin' ny manodidina? Fa efa natolony teo an-tanako ny mponina amin' ny tany; ary ny tany efa resy teo anoloan' i Jehovah sy teo anoloan' ny olony. **19** Koa ankehitriny ampitadiavo an' i Jehovah Andriamanitrareo ny fonareo sy ny fanahinareo, ka mitsangàna, ary manaova ny fitoerana masìna ho an' i Jehovah Andriamanitra, hampidirana ny fiaran' ny faneken' i Jehovah sy ny fanaka masin' Andriamanitra ho ao amin' ny trano izay hatao ho an' ny anaran' i Jehovah.

23 Ary nony efa ela niainana sy tratrantitra tsara Davida, dia Solomona zanany no nataony mpanjaka tamin' ny Isiraely. **2** Ary novoriny ny lehiben' ny Isiraely rehetra mbamin' ny mpisorona sy ny Levita. **3** Ary nisaina ny Levita hatramin' ny telo-polo taona no ho miakatra, ka valo arivo amby telo alina no isan' ny lehilahy. **4** Ary hoy Davida: Ny efatra arivo amby roa alina amin' ireo dia ataoko ho tonian' ny asa ao an-tranon' i Jehovah, ary ny enina arivo ataoko mpifehy sy mpitsara, **5** ary ny efatra arivo ho mpiandry varavarana, ary ny efatra arivo ho mpidera an' i Jehovah amin' ny zavatra namboariko hiderana Azy. **6** Ary nozarazarain' i Davida ho antokony ireo araka ny zanakalahin' i Levy, dia Gersona sy Kehata sy Merary: **7** Tamin' ny Gersonita dia Ladana sy Simey. **8** Ny zanakalahin' i Ladana dia Jehiela lohany sy Zetama ary Joela; telo izy. **9** Ny zanakalahin' i Simey dia Selomota sy Haziela ary Harana; telo izy. Ireo no lohany tamin' ny fianakavian' i Ladana. **10** Ary ny zanakalahin' i Simey dia Jahata sy Zina sy Jeosy ary Beria; izy efa-dahy ireo no zanakalahin' i Simey. **11** Ary Jahata no lohany, ary Ziza no faharoany; fa Jeosy sy Beria tsy nanana zanakalahy maro, ka dia nisaina ho fianakaviana iray sy antokony iray izy. **12** Ny zanakalahin' i Kehata dia Amrama sy Jizara sy Hebrona ary Oziela; efatra izy. **13** Ny zanakalahin' i Amrama dia Arona sy Mosesy. Ary Arona natokana ka nohamasinina ho masìna indrindra, dia izy sy ny taranany mandrakizay, handoro ditin-kazo manitra eo anatrehan' i Jehovah sy hanao fanompoam-pivavahana ho Azy ary hitso-drano amin' ny anarany mandrakizay. **14** Nefa ny amin' i Mosesy, lehilahin' Andriamanitra, dia nisaina tamin' ny firenen' i Levy ihany ny zanany. **15** Ny zanakalahin' i Mosesy dia Gersona sy Eliezera. **16** Tamin' ny zanakalahin' i Gersona dia Seboela no lohany. **17** Ary tamin' ny zanakalahin' i Eliezera dia Rehabia no lohany (Eliezera anefa tsy nanan-janaka hafa); fa ny zanak' i Rehabia dia maro indrindra. **18** Tamin' ny zanakalahin' i Jizara dia Selomota no lohany. **19** Ny zanakalahin' i Hebrona, dia Jeria no lahimatoa, Amaria no lahiaivo, Jahaziela no fahatelo, ary Jekameama no faralahy. **20** Ny zanakalahin' i Oziela, dia Mita no lahimatoa, ary Jisia no faralahy. **21** Ny zanakalahin' i Merary dia Maly sy Mosy. Ny zanakalahin' i Maly dia Eleazara sy Kisy. **22** Ary maty Eleazara ka tsy nanan-janakalahy, fa vavy avokoa; ary ireny zanakalahin' i Kisy havany no nanambady ireo. **23** Ny zanakalahin' i Mosy dia Maly sy Edera ary Jeremota; telo izy. **24** Ireo no zanakalahin' i Levy araka ny fianakaviany, dia ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny antokony avy araka ny nanisana ny anarany tsirairay, dia izay nanao ny fanompoana tao an-tranon' i Jehovah, hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra. **25** Fa hoy Davida: Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, efa nanome fitsaharana ho an' ny olony sady mitoetra eto Jerosalema mandrakizay. **26** Ary ny Levita kosa dia tsy hitondra ny tabernakely na ny fanaka enti-manompo ao aminy intsony. **27** Fa araka ny fara-tenin' i Davida dia nisaina hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra ny Levita. **28** Ary ny raharahany dia ny hanampy ny taranak' i Arona amin' ny fanompoana ao an-tranon' i Jehovah amin' ireo kianja sy efi-trano tao ary amin' ny

fanadiovana ny zavatra masìna rehetra sy ny fanompoana ao an-tranon' Andriamanitra, **29** ary amin' ny mofo aseho sy ny koba tsara toto ho fanatitra hohanina sy amin' ny mofo manify tsy misy masirasira sy amin' izay endasina amin' ny lapoely sy amin' izay vonton-diloilo ary amin' ny famarana sy ny fandrefesana rehetra, **30** ary ny hitsangana isa-maraina hisaotra sy hidera an' i Jehovah, ary toy izany koa amin' ny hariva, **31** ary ny hanatitra ny fanatitra dorana rehetra ho an' i Jehovah na amin' ny Sabata, na amin' ny voaloham-bolana, na amin' ny fotoam-pivavahana hafa dia araka ny isany avy, sy araka ny fanao voatendry hanaovana azy mandrakariva eo anatrehan' i Jehovah. **32** Aoka ho toy izany no hitandremany ny anjara-raharahany ny amin' ny trano-lay fihaonana sy ny anjara-raharahany ny amin' ny fitoerana masìna ary ny anjara-raharahany ny amin' ny taranak' i Arona rahalahiny ho fanompoana ao an-tranon' i Jehovah.

24 Ary ny amin' ny taranak' i Arona dia izao no nizarana azy ho antokony: Ny zanakalahin' i Arona dia Nadaba sy Abiho sy Eleazara ary Itamara; **2** fa Nadaba sy Abiho dia maty talohan-drainy sady samy tsy nanan-janaka, koa dia Eleazara sy Itamara no nanao fisoronana. **3** Ary Davida sy Zadoka, isan' ny taranak' i Eleazara, sy Ahimeleka, isan' ny taranak' Itamara, dia nizara azy araka ny antokony sy ny fanompoany avy. **4** Ary ny lohany tamin' ireo, dia tamin' ny taranak' i Eleazara, no maromaro kokoa noho ny tamin' ny taranak' Itamara, ka dia nozarainy toy izao izy: Tamin' ny taranak' i Eleazara dia enina ambin' ny folo no lohan' ny fianakaviana; ary tamin' ny taranak' Itamara dia valo kosa no lohan' ny fianakaviana. **5** Ary samy nozarazaraina tamin' ny filokana avokoa izy rehetra; fa samy mpifehy masìna, dia mpifehy ho an' Andriamanitra avokoa, na ny avy tamin' ny taranak' i Eleazara, na ny avy tamin' ny taranak' Itamara. **6** Ary Semaia, zanak' i Netanela, mpanoratra anankiray tamin' ny Levita, no nanoratra azy teo anatrehan' ny mpanjaka sy ny mpanapaka sy Zadoka mpisorona sy Ahimeleka, zanak' i Abiatara, sy teo anatrehan' ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny mpisorona sy ny Levita: fianakaviana iray no nalaina ho an' i Eleazara, ary iray kosa ho an' Itamara. **7** Ny loka voalohany dia azon' i Joariba, ny faharoa an' i Jedaia, **8** ny fahatelo an' i Harima, ny fahefatra an' i Seorima, **9** ny fahadimy an' i Malkia, ny fahenina an' i Miamina, **10** ny fahafito an' i Hakoza, ny fahavalo an' i Abia, **11** ny fahasivy an' i Jesoa, ny fahafolo an' i Sekania. **12** ny fahiraika ambin' ny folo an' i Eliasiba, ny faharoa ambin' ny folo an' i Jakima, **13** ny fahatelo ambin' ny folo an' i Hopa, ny fahefatra ambin' ny folo an' i Jesebaba, **14** ny fahadimy ambin' ny folo an' i Bilga, ny fahenina ambin' ny folo an' Imera, **15** ny fahafito ambin' ny folo an' i Hezira, ny fahavalo ambin' ny folo an' i Hafizeza, **16** ny fahasivy ambin' ny folo an' i Petahia, ny faharoa-polo an' i Jehezekela, **17** ny fahiraika amby roa-polo an' i Jakina, ny faharoa amby roa-polo an' i Gamola, **18** ny fahatelo amby roa-polo an' i Delaia, ny fahefatra amby roa-polo an' i Mazia. **19** Ireo avy no antokony amin' ny fanompoany izay idirany ao an-tranon' i Jehovah araka ny fitsipika voatendrin' i Arona rainy, araka ny nandidian' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, azy. **20** Ary tamin' ny taranak' i Levy sisa dia izao; Tamin' ny taranak' i Amrama dia Sobaela; tamin' ny zanak' i Sobaela dia Jedala. **21** Ny amin' i Rehabia: tamin' ny taranak' i Rehabia dia Jisia no voalohany. **22** Tamin' ny Jizarita dia Selomota; tamin' ny taranak' i Selomota dia Jahata. **23** Ary ny amin' ny taranak' i Sebrona dia Jeria no voalohany, Amaria no faharoa, Jahaziela no fahatelo, Jekameama no fahefatra. **24** Ny zanakalahin' i Oziela dia Mika; tamin' ny taranak' i Mika dia Samira; **25** ny rahalahin' i Mika dia Jisia; tamin' ny taranak' i Jisia dia Zakaria. **26** Ny zanakalahin' i Merary dia Maly sy Mosy; ny zanakalahin' i Jazia dia Beno. **27** Ny zanakalahin' i Merary tamin' i Jazia dia Beno sy Sohama sy Zakora ary Ibry. **28** Avy tamin' i Maly no nihavian' i Eleazara, izay tsy nanan-janakalahy. **29** Ny amin' i Kisy, ny zananilahy dia Jeramela. **30** Ary ny zanakalahin' i Mosy dia Maly sy Edera ary Jerimota. Ireo no taranaky ny Levita araka ny fianakaviany avy. **31** Ary ireo dia mba niara-niloka tamin' ny rahalahiny, taranak' i Arona, teo anatrehan' i Davida mpanjaka sy Zadota sy Ahimeleka sy ny lohan' ny fianakavian' ny mpisorona sy ny Levita: niara-niloka avokoa na ny zokiny na ny zandriny.

25 Ary ny taranak' i Asafa sy Hemana ary Jedotona dia natokan' i Davida sy ireo komandin' ny miaramila ho amin' ny fanompoana mba haminany amin' ny lokanga sy ny valiha ary ny kipantsona; ary izao no isan' ny mpanao araka ny fanompoany avy: **2** Tamin' ny zanakalahin' i Asafa dia Zakora sy Josefa sy Netania ary Asarela, zanak' i Asafa, nofehezin' i Asafa, izay naminany araka izay nifehezan' ny mpanjaka azy. **3** Tamin' i Jedotona, ny zanany dia Gedalia sy Zery sy Jesaia sy Hasabia ary Matitia, enin-dahy ireo ka nofehezin' i Jedotona rainy, izay naminany tamin' ny lokanga hidera sy hisaotra an' i Jehovah. **4** Tamin' i Hemana, ny zanany dia Bokia, Matania, Oziela, Seboela sy Jerimota, Hanania, Hanany, Eliata, Gidalty sy Romamti-ezera sy Josbekasa sy Maloty sy Hotira ary Mahaziota. **5** Ireo rehetra ireo no zanak' i Hemana, mpahitan' ny mpanjaka ny amin' ny tenin' Andriamanitra, hanandratra ny tandroka. Ary Hemana dia efa nomen' Andriamanitra zazalahy efatra ambin' ny folo sy zazavavy telo. **6** Ireo rehetra ireo no fehin' ny rainy tamin' ny hira natao tao an-tranon' i Jehovah tamin' ny kipantsona sy ny valiha sy ny lokanga hanaovana ny fanompoana ao an-tranon' Andriamanitra; Asafa sy Jedotona ary Hemana dia nofezehin' ny mpanjaka. **7** Ary ny isany mbamin' ny rahalahiny, izay efa nianatra ny hira ho an' i Jehovah izay rehetra nahay dia valo amby valo-polo amby roan-jato. **8** Ary nanao filokana ny amin' ny anjara-raharahany avy izy, na ny kely na ny lehibe, na ny mpampianatra na ny mpianatra. **9** Ary ny loka voalohany dia azon' i Josefa avy amin' ny taranak' i Asafa; ny faharoa an' i Gedalia, izy mbamin' ny rahalahiny sy ny zanany, dia roa ambin' ny folo; **10** ny fahatelo an' i Zakora, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **11** ny fahefatra an' i Jizry, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **12** ny fahadimy an' i Netania, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny

folo; **13** ny fahenina an' i Bokia, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **14** ny fahafito an' i Jesarela, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **15** ny fahavalo an' i Jesaia, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **16** ny fahasivy an' i Matania, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **17** ny fahafolo an' i Simey, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **18** ny fahiraika ambin' ny folo an' i Azarela, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **19** ny faharoa ambin' ny folo an' i Hasabia, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **20** ny fahatelo ambin' ny folo an' i Sobaela, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **21** ny fahefatra ambin' ny folo an' i Matitia, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny dia roa ambin' ny folo; **22** ny fahadimy ambin' ny folo an' i Jeremota, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny dia roa ambin' ny folo; **23** ny fahenina ambin' ny folo an' i Hanania, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **24** ny fahafito ambin' ny folo an' i Josbekasa, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **25** ny fahavalo ambin' ny folo an' i Hanany, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **26** ny fahasivy ambin' ny folo an' i Maloty, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **27** ny faharoa-polo an' i Eliata, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **28** ny fahiraika amby roa-polo an' i Hotira, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **29** ny faharoa amby roa-polo an' i Gidalty, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **30** ny fahatelo amby roa-polo an' i Mahaziota, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo; **31** ny fahefatra amby roa-polo an' i Romamti-ezera, izy mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, dia roa ambin' ny folo.

26 Ary ny amin' ny antokon' ny mpiandry varavarana: Tamin' ny Koraïta dia Meselemia, zanak' i Kore, avy tamin' ny zanak' i Asafa. **2** Ary ny zanakalahin' i Meselemia dia Zakaria, lahimatoa, sy Jediaela, lahiaivo, sy Zebadia, fahatelo, sy Jediaela, fahefatra, **3** sy Elama, fahadimy, sy Johanana, fahenina, sy Elihoenay, faralahy. **4** Ary ny zanakalahin' i Obed-edoma dia Semaia, lahimatoa, sy Jozabada, lahiaivo, sy Joa, fahatelo, sy Sakara, fahefatra, sy Netanela, fahadimy, **5** sy Amiela, fahenina, sy Isakara, fahafito, sy Peoletahy, faralahy; fa Andriamanitra efa nitahy azy. **6** Ary Semaia zanany niteraka zazalahy maromaro izay samy tonga mpanapaka tamin' ny fianakavian-drainy, satria samy lehilahy mahay izy. **7** Ny zanakalahin' i Semaia dia Otny sy Refaela sy Obeda ary Elzabada mbamin' ireo rahalahiny, lehilahy mahay, dia Eliho sy Semakia. **8** Ireo rehetra ireo no avy tamin' ny zanak' i Obed-edoma, dia izy sy ny zanany sy ny rahalahiny, izay samy lehilahy mahery sady matanjaka amin' ny fanompoany; roa amby enim-polo no an' i Obed-edoma. **9** Ary Meselemia nanan-janaka sy rahalahy valo ambin' ny folo, samy lehilahy mahay avokoa. **10** Ary Hosa, tamin' ny taranak' i Merary, nanan-janakalahy, dia Simry, lohany (fa na dia tsy lahimatoa aza izy, dia izy no nataon-drainy ho lohany), **11** sy Hilkia, lahiaivo, sy Tebalia, fahatelo, ary Zakaria, fahefatra; ny zanakalahin' i Hosa sy ny rahalahiny rehetra dia telo ambin' ny folo. **12** Ireo lohan' ny tonian' ny mpiandry varavarana ireo dia nomena anjara-raharaha niaraka tamin' ny rahalahiny hanao fanompoam-pivavahana ao an-tranon' i Jehovah. **13** Ary izy ireo, na ny kely na ny lehibe, dia nanao filokana avokoa araka ny fianakaviany ny ho amin' ny isam-bavahady. **14** Koa ny loka tamin' ny atsinanana dia azon' i Selemia. Ary nanaovana filokana Zakaria zanany, mpanolo-tsaina hendry, ka ny loka tamin' ny avaratra no azony. **15** An' i Obed-edoma ny atsimo, ary an' ny zanany ny trano firaketana. **16** An' i Sopima sy Hosa ny andrefana mbamin' ny vavahady Saleketa amin' ny lalana miakatra; ary dia feno avokoa ny fiambenana. **17** Ny atsinanana nisy Levita enina, ny avaratra nisy efatra Isan' andro, ny atsimo nisy efatra isan' andro, ary ny trano firaketana nisy efa-dahy nizara ho roa avy. **18** Tany Parbara andrefana nisy efatra amin' ny lalana, ary roa tao Parbara. **19** Dia Ireo no antokon' ny mpiandry varavarana tamin' ny taranak' i Kora sy ny taranak' i Merary. **20** Ary tamin' ny Levita dia Ahia no tonian' ny rakitry ny tranon' Andriamanitra sy ny zavatra nohamasinina ho rakitra. **21** Ny taranak' i Ladana, ilay Ladana Gersonita, ireo lohan' ny fianakavian' i Ladana Gersonita, dia ny Jehielita. **22** Ary ny taranaky ny Jehielita, dia Zetama sy Joela rahalahiny, no tonian' ny rakitry ny tranon' i Jehovah. **23** Tamin' ny Amramita sy ny Jizarita sy ny Hebronita ary ny Ozielita **24** dia Seboela, avy tamin' ny taranak' i Gersona, zanak' i Mosesy, no tonian' ny rakitra. **25** Ary ny rahalahiny avy tamin' i Eliezera dia Rehabia, zanak' i Eliezera, sy Jesaia, zanak' i Rehabia, sy Jorama, zanak' i Jesaia, sy Zikry, zanak' i Jorama, ary Selomota, zanak' i Zikry. **26** Io Selomota io sy ny rahalahiny no tonian' ny zavatra nohamasinina ho rakitra, dia Izay nohamasinin' i Davida mpanjaka sy ny lohan' ny fianakaviana ary ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato ary ny komandin' ny miaramila. **27** Tamin' ny babo izay azony tamin' ny ady nisy nohamasininy ho enti-manamboatra ny tranon' i Jehovah. **28** Ary izay rehetra nohamasinin' i Samoela mpahita sy Saoly, zanak' i Kisy, sy Abnera, zanak' i Nera, sy Joaba, zanak' i Zeroia, dia izay rehetra nohamasininy, dia Selomota sy ny rahalahiny no nitahiry izany. **29** Tamin' ny Jizarita dia Kenania sy ny zanany no voatendry ho amin' ny raharaha ivelany amin' ny Isiraely, dia ho mpifehy sy mpitsara. **30** Ary tamin' ny Hebronita dia Hasabia sy ny rahalahiny, lehilahy mahay fiton-jato amby arivo, no mpifehy tamin' ny Isiraely tany an-dafy andrefan' i Jordana ny amin' ny raharaha rehetra ho an' i Jehovah sy ny fanompoana ny mpanjaka. **31** Ny Hebronita dia Jeria lohany (tamin' ny taona fahefa-polo nanjakan' i Davida no nitadiavana ny Hebronita araka ny fianakaviany avy, ka nisy lehilahy mahay hita tao aminy tao Jazera any Gileada) **32** sy ny rahalahiny fiton-jato amby roa arivo, samy lehilahy mahay, lohan' ny fianakaviany avy. Ary Davida nanendry ireo ho mpifehy ny Robenita sy ny Gadita ary ny antsasaky firenen' i Manase, ny amin' ny raharahan' Andriamanitra sy ny mpanjaka.

27 Ary ny amin' ny Zanak' Isiraely araka ny isany, dia ny lohan' ny fianakaviany sy ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato ary ny mpifehy azy, izay nanompo ny mpanjaka tamin' izay raharahany rehetra isan-tokony, Izay nifandimby isam-bolana mandritra ny herintaona, dia efatra arivo amby roa alina avy no isan' ny isan-tokony. **2** Ny nifehy ny antokony voalohany, ho amin' ny volana voalohany, dia Jasobeama, zanak' i Zabdiela, ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina; **3** isan' ny taranak' i Fareza izy sady lohan' ny mpifehy rehetra tamin' ny miaramila amin' ny volana voalohany. **4** Ary ny nifehy ny antokony ho amin' ny volana faharoa dia Dodo Ahohita; Miklota andriandahy no isan' ny antokony; ary ny antokon' ny Ahohita dia efatra arivo amby roa alina. **5** Ny komandin' ny antokony fahatelo tamin' ny miaramila, ho amin' ny volana fahatelo, dia Benaia lohany, zanak' i Joiada mpisorona; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **6** Io no ilay Benaia, izay nahery sady ambony tamin' izy telo-polo lahy; Amizabada zanany no isan' ny antokony. **7** Ny fahefatra, ho amin' ny volana fahefatra, dia Asahela, rahalahin' i Joaba, ary Zebadia zanany no nanarakaraka azy; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **8** Ny fahadimy, ho amin' ny volana fahadimy, dia Samihota Jizarita; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **9** Ny fahenina, ho amin' ny volana fahenina, dia Ira, zanak' Ikesy Tekoïta; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **10** Ny fahafito, ho amin' ny volana fahafito, dia Heleza Pelonita, isan' ny taranak' i Efraima; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **11** Ny fahavalo, ho amin' ny volana fahavalo, dia Sibekay Hosatita, isan' ny Zerita; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **12** Ny fahasivy, ho amin' ny volana fahasivy, dia Abiezera Anatotita, Isan' ny Benjamita; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **13** Ny fahafolo, ho amin' ny volana fahafolo, dia Maharay Netofatita, isan' ny Zerita; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **14** Ny fahiraika ambin' ny folo, ho amin' ny volana fahiraika ambin' ny folo, dia Benaia Piratonita, isan' ny taranak' i Efraima; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **15** Ny faharoa ambin' ny folo, ho amin' ny volana faharoa ambin' ny folo, dia Helday Netofatita, isan' ny taranak' i Otniela; ary ny antokony dia efatra arivo amby roa alina. **16** Ary izao no lohan ny firenen' Isiraely: Tamin' ny Robenita dia Eliezera, zanakalahin' i Zikry; tamin' ny Simeonita dia Sefatia, zanakalahin' i Maka; **17** tamin' ny Levita dia Hasabia, zanakalahin' i Kemoela; tamin' ny Aronita dia Zadoka; **18** tamin' ny Joda dia Eliho, izay isan' ny rahalahin' i Davida; tamin' ny Isakara dia Omry, zanakalahin' i Mikaela; **19** tamin' ny Zebolona dia Jismala, zanakalahin' i Obadia; tamin' ny Naftaly dia Jerimota, zanakalahin' i Azriela; **20** tamin' ny taranak' i Efraima dia Hosea, zanakalahin' i Azazia; tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase dia Joela, zanakalahin' i Pedaia; **21** tamin' ny antsasaky ny firenen' i Manase tao Gileada dia Ido, zanakalahin' i Zakaria; tamin' ny Benjamina dia Jasiela, zanakalahin' i Abnera; **22** tamin' ny Dana dia Azarela, zanakalahin' i Jerohama. Ireo no lohan' ny firenen' Isiraely. **23** Nefa tsy nanisa ny hatramin' ny roa-polo taona no ho midìna Davida; fa Jehovah efa nilaza fa hampitombo ny Isiraely ho tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra Izy. **24** Joaba, zanak' i Zeroia, nanomboka nanisa, fa tsy nahefa, satria nisy fahatezerana nihatra tamin' ny Isiraely tamin' izany, ka dia tsy voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' i Davida mpanjaka ny isany. **25** Ary ny tonian' ny rakitry ny mpanjaka dia Azmaveta, zanak' i Adiela; ary ny tonian ny trano firaiketana tany ambany vohitra, na tamin' ny tanàna, na tamin' ny vohitra, na tamin' ny tilikambo, dia Jonatana, zanak' i Ozia; **26** ary ny mpifehy ny mpiasa tany an-tsaha hiasa ny tany dia Ezry, zanak' i Keloba; **27** ary ny tonian' ny tanim-boaloboka dia Simey Ramatita; ary ny tonian' ny divay tehirizina any amin' ny tanim-boaloboka dia Zebdy Sifmita; **28** ary ny tonian' ny hazo oliva sy ny aviavy eny amin' ny tany lemaka amorontsiraka dia Bala-hanana Gaderita; ary ny tonian' ny diloilo tehirizina dia Joasy; **29** ary ny tonian' ny omby nandrasana tany Sarôna dia Sitray Sarônita; ary ny tonian' ny omby tany an-dohasaha dia Safata, zanak' i Adlay; **30** ary ny tonian' ny rameva dia Obila Ismaelita; ary ny tonian' ny borikivavy dia Jedda Meronotita; **31** ary ny tonian' ny ondry aman' osy dia Jaziza Hagarita. Ireo rehetra ireo no tonian' ny fananan' i Davida mpanjaka. **32** Ary Jonatana, rahalahindrain' i Davida, dia mpanolo-tsaina, lehilahy hendry sady be fahalalana izy; ary Jehiela, zanak' i Hakmony, dia teo amin' ny zanaky ny mpanjaka; **33** ary Ahitofela dia mpanolo-tsaina ny mpanjaka; ary Hosay Arkita no sakaizan' ny mpanjaka; **34** ary ny manarakaraka an' i Ahitofela dia Joiada, zanak' i Benaia, sy Abiatara; ary ny komandin' ny miaramilan' ny mpanjaka dia Joaba.

28 Ary novorin' i Davida tany Jerosalema ny lehibe rehetra tamin' ny Isiraely, dia ny lohan' ny firenena sy ny komandin' ny antokony Izay nanompo ny andriamanjaka, ary ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato sy ny mpitandrina ny harena mbanin' ny fananana rehetra an' ny mpanjaka sy ny zanany mbamin' ny tandapa sy ny lehilahy mahery, dia ny lehibe rehetra. **2** Ary Davida mpanjaka nitsangana ka nanao hoe: Mihainoa ahy, ry rahalahiko sy ry vahoakako! Raha izaho, dia efa mby tato am-poko ny hanao trano fitsaharana ho an' ny fiaran' ny faneken' i Jehovah sy ho an' ny fitoerantongotr' Andriamanitsika, ary efa novononiko izay ho entimanao azy; **3** nefa hoy Andriamanitra tamiko: Tsy hanao trano ho an' ny anarako ianao, satria lehilahy mpiady sy mpandatsa-drà. **4** Nefa kosa Jehovah, Andriamanitra ny Isiraely efa nifidy ahy tamin' ny ankohonan' ny raiko rehetra ho mpanjakan' ny Isiraely mandrakizay; fa Joda no nofidiny ho mpanjaka, ary tamin' ny taranak' i Joda indray dia ny ankohonan' ny raiko no nofidiny; ary tamin' ny ankohonan' ny raiko dia izaho kosa no nankasitrahany ka nataony mpanjaka amin' ny Isiraely rehetra. **5** Ary tamin' ny zanako rehetra (fa zanaka maro no nomen' i Jehovah ahy) dia Solomona zanako no nofidiny hipetraka amin' ny seza fiandrianan' ny fanjakan' i Jehovah hanjaka amin' ny Isiraely. **6** Ary hoy Izy tamiko: Solomona zanakao no hanao ny tranoko sy ny kianjako, fa efa nifidy azy ho zanako Aho, ary Izaho ho rainy. **7** Ary hampitoetra ny fanjakany ho mandrakizay Aho, raha maharitra mitandrina

ny didiko sy ny fitsipiko mandra-kariva izy tahaka ny amin' izao anio izao. **8** Ary ankehitriny, eto anatrehan' ny Isiraely rehetra, fiangonan' i Jehovah, sy eto anatrehan' Andriamanitsika, tandremo sy diniho ny didin' i Jehovah Andriamanitrareo rehetra, mba hahatananareo ity tany soa ity, sady havelanareo ho lovan' ny zanakareo mandimby anareo, mandrakizay izy. **9** Ary ianao, ry Solomona zanako, aoka ho fantatrao Andriamanitry ny rainao, ka manompoa Azy amin' ny fo rehetra sy ny fanahy mazoto; fa Jehovah, dia mpandinika ny fo rehetra, ary ny fieritreretana rehetra dia fantany avokoa. Raha mitady Azy ianao, dia hahita Azy; fa raha mahafoy Azy kosa ianao, dia hariany mandrakizay. **10** Koa mitandrema; fa Jehovah efa nifidy anao hanao trano ho fitoerana masìna; dia mahereza ka mahefà. **11** Ary Davida nanome an' i Solomona zanany ny sarin' ny lavarangana fidirana sy ny tranony sy ny trano firaketany sy ny efi-trano ambony sy ny efi-trano anatiny ary ny trano misy ny rakotra fanaovam-panavotana, **12** ary ny sarin' izay rehetra efa niseho tamin' ny fanahiny; dia ny amin' ny kianjan' ny tranon' i Jehovah sy ny efi-trano rehetra manodidina azy ho an' ny rakitry ny tranon' i Jehovah sy ny zavatra nohamasinina ho rakitra, **13** sy ho an' ny antokon' ny mpisorona sy ny Levita koa, ary ho an' ny fanompoana rehetra ao an-tranon' i Jehovah sy ho an' ny fanaka rehetra ho enti-manompo ao an-tranon' i Jehovah, **14** ary ny lanjan' ny volamena hanaovana ny fanaka volamena samy hafa rehetra, ary ny lanjan' ny volafotsy koa hanaovana ny fanaka volafotsy samy hafa rehetra, **15** ary ny lanjan' ny volamena hanaovana ny fanaovan-jiro volamena sy ny lela fanaovan-jirony araka ny lanjany avy, ary ny lanjan' ny volafotsy hanaovana ny fanaovan-jiro volafotsy sy ny lela fanaovan-jirony araka ny fombany avy, **16** ary ny lanjan' ny volamena hanaovana ireo latabatra hametrahana ny mofo aseho, ary ny amin' ny volafotsy ho amin' ny latabatra volafotsy, **17** ary ny amin' ny fitrebika sy ny lovia famafazana ary ny fitoeran-divay, izay samy volamena tsara, ary ny amin' ny kapoaka misarona, na ny volamena, na ny volafotsy, araka ny lanjany avy, **18** ary ny lanjan' ny volamena voadio hanaovana ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra; ary nomeny koa ny sarin' ny kalesy, dia ny kerobima volamena, izay manana elatra mivelatra ka manaloka ny fiaran' ny faneken' i Jehovah. **19** Izany asa rehetra araka ny sary izany, hoy Davida, no nampahafantarin' i Jehovah ahy tamin' ny soratra avy tamin' ny tànany, izay atỳ amiko. **20** Ary hoy koa Davida tamin' i Solomona zanany: Mahereza sy matanjaha ka mahefà; aza matahotra na mivadi-po; fa Jehovah Andriamanitra, dia Andriamanitro, no momba anao; tsy handao na hahafoy anao Izy ambara-pahavitanao ny asa rehetra hanaovana ny tranon' i Jehovah. **21** Ary indreo ny antokon' ny mpisorona sy ny Levita hanao ny fanompoana rehetra ao an-tranon' Andriamanitra; ary ao aminao hanampy amin' ny asa samy hafa rehetra ny olon-kendry izay manolo-tena mba hahavita ny fanompoana rehetra sy ny mpifehy ary ny vahoaka rehetra hankatò ny didinao.

29 Ary hoy Davida mpanjaka tamin' ny fiangonana rehetra: Solomona zanako, ilay nofidin' Andriamanitra, dia mbola zaza sy tanora fanahy; nefa lehibe ny asa, fa tsy lapa ho an' olona, fa ho an' i Jehovah Andriamanitra. **2** Ary tamin' ny heriko rehetra no namoriako izay hanaovana ny tranon' Andriamanitra, dia ny volamena hanaovana ny fanaka volamena, ary ny volafotsy hanaovana ny fanaka volafotsy, ary ny varahina hanaovana ny fanaka varahina, ary ny vy hanaovana ny fanaka vy, ary ny hazo hanaovana ny fanaka hazo, ary ny vato beryla sy ny vato halatsaka an-tranontranony ary ny vato alatsaka asiana antimony sy ny vato misoratsoratra ary ny vato soa samy hafa rehetra ary ny vatosanga betsaka. **3** Ary koa, noho ny fitiavako ny tranon' Andriamanitro dia omeko ho an' ny tranon' Andriamanitra, ho fanampin' ny zavatra rehetra novoriko hanaovana ny tempoly masìna, izay volamena sy volafotsy ananako, **4** dia talenta volamena telo arivo, volamena avy any Ofira, ary talenta volafotsy voadio fito arivo hapetaka amin' ny rindrin' ny isan-efi-trano, **5** ny volamena hanaovana ny fanaka volamena ary ny volafotsy hanaovana ny fanaka volafotsy sy hanaovana ny fanaka volafotsy sy hanaovana ny asa samy hafa rehetra izay hataon' ny tanan' ny mpiasa mahay tao-zavatra. Iza ary no mazoto hitondra fanatitra ho an' i Jehovah anio? **6** Dia samy nazoto nanatitra zavatra ny lohan' ny fianakaviana sy ny lehiben' ny firenen' Isiraely ary ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato mbamin' ny mpitandrina ny raharahan' ny mpanjaka **7** ka nanome izay hanaovana ny fanompoana amin' ny tranon' Andriamanitra, dia talenta volamena dimy arivo sy darika iray alina sy talenta volafotsy iray alina sy talenta varahina valo arivo amby iray alina ary talenta vy iray hetsy. **8** Ary izay nanana vato soa dia nanome azy no amin' ny rakitry ny tranon' i Jehovah, hotehirizin' i Jehiela Gersonita. **9** Dia faly ny vahoaka noho ny fahazotoan' ireo, fa tamin' ny fony rehetra no nahazotoany nanatitra ho an' i Jehovah; ary Davida mpanjaka koa faly dia faly. **10** Koa dia nisaotra an' i Jehovah teo anatrehan' ny fiangonana rehetra Davida ka nanao hoe: Isaorana anie Hianao, Jehovah ô, Andriamanitr' Isiraely razanay, hatramin' ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. **11** Anao, Jehovah ô, ny fahalehibiazana sy ny hery sy ny voninahitra sy ny famirapiratana ary ny fiandrianana, dia izay rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; Anao ny fanjakana, Jehovah ô, ary Anao ny fisandratana ho Lohany ambonin' izy rehetra. **12** Avy aminao ny harena sy ny voninahitra, ary Hianao no manjaka amin' izao rehetra izao; eo an-tananao ny hery sy ny tanjaka, ka eo an-tananao koa ny mampahalehibe sy ny mampahatanjaka izao rehetra izao. **13** Koa ankehitriny misaotra Anao izahay, ry Andriamanitray ô, sy midera ny anaranao be voninahitra. **14** Fa zinona moa aho, ary zinona moa ny oloko, no ahazoanay hery hanatitra toy izao? Fa avy aminao ny zavatra rehetra, ary avy tamin' ny Anao ihany no nanomezanay Anao. **15** Fa vahiny sy mpivahiny eo anatrehanao izahay tahaka ny razanay rehetra; tahaka ny aloka ny andronay etỳ an-tany, ka tsy misy fanantenana. **16** Ry Jehovah Andriamanitray ô, ireto zavatra rehetra novorinay hanaovana ny trano ho an' ny anaranao masìna

ireto dia avy tamin' ny tananao, ary Anao rahateo izy rehetra. **17** Ary fantatro, ry Andriamanitro ô, fa Hianao no mamantatra ny fo ary mankasitraka izay mahitsy. Ary ny amiko, dia amin' ny hitsim-poko no nahazotoako nanatitra ireto zavatra rehetra ireto; ary ankehitriny efa hitako tamin' ny fifaliana ny olonao, izay vory eto, mazoto mitondra fanatitra ho Anao. **18** Jehovah ô, Andriamanitry ny razanay, dia Abrahama sy Isaka ary Isiraely, mba ampahareto ao am-pon' ny olonao mandrakizay izany fikasan' ny sainy izany, ka ampiomany ho Anao ny fony; **19** ary omeo fo marina Solomona zanako hitandrina ny didinao sy ny teni-vavolombelonao sy ny lalànao ka hanao izany rehetra izany sady hahavita ny lapa izay efa namoriako ny hanaovana azy. **20** Ary hoy Davida tamin' ny fiangonana rehetra: Masìna ianareo, misaora an' i Jehovah Andriamanitrareo. Ary ny fiangonana rehetra dia nisaotra an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, sady niondrika ka niankohoka teo anatrehan' i Jehovah sy ny mpanjaka. **21** Ary namono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah izy sady nanatitra fanatitra dorana ho an' i Jehovah nony ampitson' iny, dia vantotr' ombilahy arivo sy ondrilahy arivo ary zanak' ondry arivo mbamin' ny fanatitra aidina momba ireo ary fanatitra hafa be dia be ho an' ny Isiraely rehetra. **22** Ary nihinana sy nisotro tamin' ny fifaliana be teo anatrehan' i Jehovah ny olona tamin' izany andro izany. Ary nampanjakainy fanindroany Solomona, zanak' i Davida, sady nohosorany ho an' i Jehovah ho mpanapaka, ary Zadoka ho mpisorona. **23** Ary Solomona dia nipetraka tamin' ny seza fiandrianan' i Jehovah ho mpanjaka handimby an' i Davida rainy, sady nambinina izy, ka nanaiky azy ny Isiraely rehetra. **24** Ary ny mpifehy rehetra sy ny lehilahy mahery ary ny zanak' i Davida rehetra koa dia samy nanaiky an' i Solomona mpanjaka. **25** Ary Jehovah nanandratra an' i Solomona indrindra teo imason' ny Isiraely rehetra sady nanome azy voninahitry ny fiandrianana mihoatra noho ny mpanjaka rehetra talohany teo amin' ny Isiraely. **26** Toy izany no nanjakan' i Davida, zanak' i Jese, tamin' ny Isiraely rehetra. **27** Ary ny andro nanjakany tamin' ny Isiraely dia efa-polo taona; tao Hebrona no nanjakany fito taona, ary tany Jerosalema no nanjakany telo amby telo-polo taona. **28** Ary maty izy rehefa tratrantitra tsara sady lava andro ary be harena sy voninahitra; ary Solomona zanany no nanjaka nandimby azy. **29** Ary ny tantaran' i Davida mpanjaka, na ny voalohany na ny farany, indro fa efa voasoratra ao amin' ny bokin' i Samoela mpahita sy ao amin' ny bokin' i Natana mpaminany ary ao amin' ny bokin' i Gada mpahita izany, **30** mbamin' ny nanjakany rehetra sy ny heriny, ary izay niseho tamin' ny ary tamin' ny Isiraely sy tamin' ny fanjakana rehetra tamin' ny tany.

2 Tantara

1 Ary Solomona, zanak' i Davida, dia nitombo hery tamin' ny fanjakany, ary Jehovah Andriamaniny nomba azy ka nanandratra azy indrindra. **2** Ary Solomona nandidy Isiraely rehetra, dia mpifehy arivo sy mpifehy zato sy mpitsara ary loham-pirenena rehetra tamin' ny Isiraely, dia lohan' ny fianakaviana, **3** ka dia niara-niakatra ho any amin' ny fitoerana avo tao Gibeona Solomona sy fiangonana rehetra; fa tao trano-lay fihaonana izay an' Andriamanitra, ilay nataon' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah, tany an-efitra. **4** Fa fiaran' Andriamanitra efa nampakarin' i Davida avy ta Kiriata-jearima ho ao amin' izay efa namboariny ho azy; fa efa nanorina lay ho azy tany Jerosalema izy. **5** Ary alitara varahina izay nataon' i Bezalila, zanak' i Ory zanak' i Hora, dia teo anoloan' ny tabernakelin' i Jehovah; ary Solomona sy fiangonana nitady Azy tao. **6** Ary Solomona nanatitra fanatitra teo amin' ny alitara varahina teo anatrehan' i Jehovah, izay momba ny trano-lay fihaonana; fanatitra dorana arivo no nateriny teo. **7** Tamin' ny alin' iny no nisehoan' Andriamanitra tamin' i Solomona, ka hoy Izy taminy: Angataho izay tianao homeko anao. **8** Dia hoy Solomona tamin' Andriamanitra: Hianao efa naneho fahasoavana lehibe tamin' i Davida raiko ary nampanjaka ahy handimby azy. **9** Koa ankehitriny, ry Jehovah Andriamanitra ô, aoka ho tanteraka teninao tamin' i Davida raiko; fa Hianao efa nampanjaka ahy tamin' ny vahoaka maro be tahaka ny vovo-tany. **10** Koa omeo fahendrena sy fahalalana aho hitarihako ireto vahoaka ireto mivoaka sy miditra; fa iza no hahay mitsara izao olonao betsaka izao? **11** Dia hoy Andriamanitra tamin' i Solomona: Satria tao am-ponao izany ka tsy nangataka vola aman-karena ianao, na voninahitra, na ain' ny fahavalonao, ary tsy nangataka ho ela velona aza, fa nangataka fahendrena sy fahalalana hitsaranao ny oloko izay nampanjakako anao, **12** dia omena anao ny fahendrena sy fahalalana; ary homeko vola aman-karena sy voninahitra koa ianao, mihoatra noho izay nananan' ny mpanjaka rehetra na iza na iza tany alohanao, ary tsy hisy hanana tahaka izany ny any aorianao. **13** Ary tonga tany Jerosalema Solomona avy teo amin' ny fitoerana avo tao Gibeona, dia teo anoloan' ny trano-lay fihaonana; ary nanjaka tamin' ny Isiraely izy. **14** Ary Solomona nanangona kalesy sy mpitaingin-tsoavaly ka nanana kalesy efa-jato amby arivo sy mpitaingin-tsoavaly roa arivo sy iray alina, izay nataony tany amin' ireny tanàna fitoeran' ny kalesy ary tao amin' ny mpanjaka tany Jerosalema. **15** Ary nataon' ny mpanjaka ho tahaka ny vato ny habetsaky ny volafotsy sy ny volamena tany Jerosalema, ary ny hazo sedera nataony toy ny aviavy eny amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka. **16** Avy tany Egypta no nahazoan' i Solomona soavaly; ary ny iray toko tamin' ny mpandranton' ny mpanjaka dia naka andiany iray araka izay vidiny voatendry. **17** Ary ny vidin' ny kalesy iray nentiny niakatra avy tany Egypta dia sekely volafotsy enin-jato, ary ny soavaly dia dimam-polo amby zato avy; ary toy izany koa no nitondrany ho an' ny mpanjakan' ny Hetita sy ny mpanjakan' ny Syriana.

2 Ary Solomona nilaza fa hanao trano ho an' ny anaran' i Jehovah sy lapa ho an' ny tenany. **2** Dia nanisa olona fito alina ho mpitondra entana Solomona ary valo alina ho mpikapa hazo eny an-tendrombohitra ary enin-jato amby telo arivo ho mpifehy azy. **3** Ary Solomona naniraka hankany amin' i Hirama, mpanjakan' i Tyro, hanao hoe: Tahaka ny nataonao tamin' i Davida raiko, raha nampanatitra hazo sedera ho azy hanaovany trano hitoerany ianao, **4** indro, izaho efa efa hanao trano ho an' ny anaran' i Jehovah Andriamanitro izay hohamasinina ho Azy ka handoroana ditin-kazo mani-pofona eo anatrehany sy hasiana ny mofo aseho mandrakariva ary handoroana ny fanatitra isa-maraina sy Isan-kariva ary amin' ny Sabata sy ny voaloham-bolana ary amin' ny fotoam-pivavahina voatendrin' i Jehovah Andriamanitray; ho adidin' ny Isiraely mandrakizay izany. **5** Ary ny trano efa hataoko dia lehibe, satria lehibe noho ny andriamanitra rehetra ny Andriamanitray. **6** Nefa iza no mahay manao trano ho Azy? Fa ny lanitra ary ny lanitry ny lanitra aza tsy omby Azy. Ka iza moa aho, no hanao trano ho Azy, afa-tsy ny handoroana ditin-kazo manitra eo anatrehany ihany? **7** Koa aniraho olon-kendry aho hiasa volamena sy volafotsy sy varahina sy vy sy volomparasy sy jaky ary manga, ary izay mahay misokitra manao sarin-javatra mba hiara-manao amin' ny olo-mahay zavatra izay atỳ amiko atỳ Joda sy Jerosalema, izay efa nomanin' i Davida raiko. **8** Ary anatero hazo sedera sy kypreso ary almoga avy any Libanona koa aho; fa fantatro fa mahay mikapa hazo any Libanona ny vahoakanao; ary, indro, ny vahoakako hiaraka amin' ny vahoakanao **9** mba hanamboatra hazo betsaka ho ahy; fa ny trano izay efa hataoko dia ho lehibe higagana. **10** Ary, indro, homeko vary tritika voafotsy sy vary hordea roa alina kora avy ary divay sy diloilo roa alina bata avy ny vahoakanao mpikapa hazo. **11** Ary hoy Hirama, mpanjakan' i Tyro, tamin' ny taratasy izay nampanateriny ho any amin' i Solomona: Noho ny fitiavan' i Jehovah ny olony no nanendreny anao ho mpanjakany. **12** Ary hoy koa Hirama: Isaorana anie Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, Izay nanao ny lanitra sy ny tany, noho ny nanomezany an' i Davida zanaka hendry, izay manana fahendrena sy fahalalana, ka hanao trano ho an' i Jehovah sy lapa ho an' ny tenany izy. **13** Koa ankehitriny, indro, maniraka olona mahay zavatra sady manana fahalalana aho, dia Hiram-aby, **14** zanaky ny vehivavy Danita sy ny lehilahy Tyriana. Ary izy dia mahay miasa volamena sy volafotsy sy varahina sy vy sy vato sy hazo sy volomparasy sy manga sy rongony fotsy madinika ary jaky; ary mahay misokitra manao sarin-javatra samy hafa sy mahay manao marika amin' izay asa rehetra asaina ataony, ka dia hiara-manao amin' ny olon-kendrinao sy ny olon-kendrin' itompokolahy Davida rainao Izy. **15** Ary ny vary tritika sy ny vary hordea ary ny diloilo sy ny divay, izay nolazainao, tompokolahy dia aoka hampanaterina ho atỳ aminay mpanomponao; **16** Ary izahay dia hikapa hazo any Libanona araka izay rehetra tadiavinao; ary hofehezinay

ka hampandehaninay mitsinkafona amin' ny ranomasina ho any Jopa; ary ianao kosa no hitondra azy miakatra hankany Jerosalema. **17** Ary Solomona nanisa ny lehilahy hafa firenena rehetra izay nonina tamin' ny tanin' ny Isiraely araka ny nanisan' i Davida rainy Lzy, ary ny isany dia enin-jato amby telo arivo amby dimy alina sy iray hetsy. **18** Ary ny fito alina tamin' ireo dia nataony mpitondra entana, ary ny valo alina nataony mpikapa hazo eny an-tendrombohitra, ary ny enin-jato amby telo arivo nataony mpifehy hampiasa ny olona.

3 Ary Solomona nanomboka nanao ny tranon' i Jehovah tany Jerosalema, tao an-tendrombohitra Moria, ilay nisehoan' i Jehovah tamin' i Davida rainy, dia ilay namboarina teo amin' ny fitoerana nofidin' i Davida teo amin' ny famoloan' i Araona Jebosita. **2** Ary nanomboka nanao ny trano izy tamin' ny andro faharoa tamin' ny volana faharoa tamin' ny taona fahefatra nanjakany. **3** Ary toy izao no nanorenan' i Solomona ny tranon' Andriamanitra: Ny lavany, raha araka ny hakiho taloha, dia enim-polo hakiho, ary ny sakany roa-polo hakiho. **4** Ary ny amin' ny lavarangana fidirana izay teo anoloany, ny lavany dia roa-polo hakiho, dia araka ny sakan' ny trano ihany, ary ny hahavony dia roa-polo amby zato hakiho; ary nopetahany takela-bolamena tsara ny ao anatiny. **5** Ary ny ati-trano lehibe nopetahany hazo kypreso, dia vao nopetahany takela-bolamena tsara ireo ary noravahany hazo rofia sy tongalika. **6** Ary noravahany vato soa koa ny trano; ary ny volamena dia volamena avy any Parvaima. **7** Ary nopetahany takela-bolamena ny trano, dia ny rairainy sy ny tokonany sy ny rindriny ary ny lela-varavarany; ary nosoratany nasiany sarin' ny kerobima ny rindrina. **8** Ary nanao ny efi-trano masìna indrindra izy: ny lavany dia roa-polo hakiho mifanerana amin' ny sakan' ny trano, ary roa-polo hakiho koa ny sakany; ary nopetahany takela-bolamena tsara talenta enin-jato izy **9** Ary ny lanjan' ny hombo volamena dia sekely dimam-polo. Ary ny efi-trano ambony nopetahany volamena koa. **10** Ary tao amin' ny efi-trano masìna indrindra dia nasiany sarin' ny kerobima roa, ary nosokiriny no nanaovany azy, dia nopetahany takela-bolamena. **11** Ny halavan' ny elatry ny kerobima dia roa-polo hakiho: ny elatry ny anankiray dia dimy hakiho, mipaka amin' ny rindrina; ary ny elany iray koa dimy hakiho sady mifanendry amin' ny elatry ny kerobima anankiray; **12** ary ny elatry ny kerobima anankiray koa dia dimy hakiho, mipaka amin' ny rindrina; ary ny elany iray koa dimy hakiho sady mifanendry amin' ny elatry ny kerobima anankiray. **13** Nivelatra ny elatr' ireo kerobima ireo, ka roa-polo hakiho ny halavany; nijoro tamin' ny tongony, tarehiny nanatrika ny trano. **14** Ary izy nanao ny efitra lamba tamin' ny manga sy volomparasy sy jaky sy rongony fotsy madinika; ary nataony sarin' ny kerobima ny sorany. **15** Ary nanao andry roa teo anoloan' ny trano izy; dimy amby telo-polo hakiho ny hahavony, ary ny kapitaly teo an-tampony dia dimy hakiho ary. **16** Ary nanao tongalika tao amin' ny efitra anatiny izy, ka nataony teo an-tampon' ny andry ireo; ary nanao sarin' apongaben-danitra zato izy, ka nataony teo amin' ny tongalika ireo. **17** Ary ny andry natsangany teo anoloan' ny tempoly, ny iray tamin' ny ankavanana, ary ny iray tamin' ny ankavia; ary ny anaran' ny teo amin' ny ankavanana nanao ny hoe Jakina, ary ny anaran' ny teo amin' ny ankavia kosa natao hoe Boaza.

4 Ary nanao alitara varahina izy: roa-polo hakiho ny lavany, roa-polo hakiho koa ny sakany, ary folo hakiho ny hahavony. **2** Ary nanao ny tavin-drano an-idina boribory lehibe izy: folo hakiho no halehiben' ny vavany, dimy hakiho ny hahavony, ary telo-polo hakiho ny manodidina azy. **3** Ary teo ambanin' ny tavin-drano lehibe nisy sarin' omby manodidina azy, dia folo amin' ny iray hakiho manodidina. Roa an-dalana ny sarin' omby sady niara-natao an-idina tamin' ny tavin-drano. **4** Ary ny tavin-drano dia nipetraka tambonin' ny sarin' omby roa ambin' ny folo: ny telo nanatrika ny avaratra ny telo nanatrika ny andrefana, ny telo nanatrika ny atsimo, ary ny telo nanatrika ny atsinanana; ny tavin-drano lehibe dia teo amboniny, ary niady vody izy rehetra. **5** Ary ny hateviny dia vodivoam-pelatanana, ary ny molony nataony tahaka ny molotry ny kapoaka, dia tahaka ny vonin' ny lilia; ary mahalany telo arivo bata izy. **6** Ary nanao tavin-drano folo koa izy hanasana, ny dimy nataony tamin' ny ankavanana, ary ny dimy tamin' ny ankavia; ary ny zavatra hatao fanatitra dorana dia nakobaka teo; fa ny tavin-drano lehibe kosa dia fisasan' ny mpisorona. **7** Ary nanao ny fanaovan-jiro volamena folo araka ny marika izy, dia napetrany tao amin' ny tempoly, dimy teo amin' ny ankavanana, ary dimy teo amin' ny ankavia. **8** Ary nanao latabatra folo koa izy, dia napetrany tao amin' ny tempoly, dimy teo amin' ny ankavanana, ary dimy teo amin' ny ankavia. Ary nanao lovia volamena zato famafazana izy. **9** Ary nanao ny kianjan' ny mpisorona sy ny kianja lehibe sy ny lela-vavahadin' ny kianja izy, ary nopotehany takela-barahina ny lela-vavahady. **10** Ary ny tavin-drano lehibe nataony tamin' ny ankavanana, dia teo amin' ny atsimo-atsinana. **11** Ary Hirama nanao ny vilany fandraofan-davenona sy ny sotron' afo ary ny lovia famafazana. Dia vitan' i Hirama ny asa izay nataony ho an' i Solomona mpanjaka ho amin' ny tranon' Andriamanitra: **12** dia ny andry roa sy ny boriboriny sy ny kapitaliny izay teny an-tampon' ny andry roa sy ny harato roa hafono ny boriboriny roa momba ny kapitaly izay teo an-tampon' ny andry avy, **13** ary ny sarin' ampongabendanitra efa-jato ho amin' ny harato roa, sarin' ampongabendanitra roa an-dalana ho amin' ny harato iray hafono ny boribory roa momba ny kapitaly izay teo an-tampon' ny andry avy; **14** ary nanao ireo fitoeran-tavin-drano izy, ary ny tavin-drano nataony teo amin' ny fitoerany; **15** ary ny tavin-drano lehibe iray sy ny sarin' omby roa ambin' ny folo; ambaniny. **16** Ary ny vilany fandraofan-davenona sy ny sotron' afo sy ny fitrebika ary ny fanaka rehetra momba azy dia nataon' i Hiram-aby ho an' i Solomona mpanjaka ho amin' ny tranon' i Jehovah tamin' ny varahina manganohano. **17** Teo amin' ny tany amoron' i Jordana no nanaovan' ny mpanjaka an-idina azy tamin' ny tanimanga teo anelanelan' i Sokota sy Zaretana. **18** Toy izany no nanaovan' i Solomona ireo fanaka rehetra

rehetra ireo; fa tsy nozahana Izay lanjan' ny varahina. **19** Ary Solomona nanao ny fanaka rehetra izay tao amin' ny tranon' Andriamanitra: ny alitara volamena sy ny latabatra fitoeran' ny mofo aseho, **20** ary ny fanaovan-jiro sy ny lela fanaovan-jirony mba hampirehetina eo noloan' ny efitra anatiny araka ny fanao dia samy volamena tsara; **21** ny voniny sy ny lela fanaovan-jiro ary ny hetin-jiro dia samy volamena tsara indrindra avokoa; **22** ary ny antsy sy ny lovia famafazana sy ny lovia kely sy ny fitoeran-davenon-jiro dia samy volamena tsara; ary ny lela-varavarana teo anatin' ny trano, dia ny mankao amin' ny fitoerana masìna indrindra, sy ny lela-varavarana ho amin' ny ati-trano lehibe dia samy volamena avokoa.

5 Toy izany no nahavitana ny asa rehetra nataon' i Solomona ho amin' ny tranon' i Jehovah; ary nampidirin' i Solomona ny zavatra rehetra izay efa nohamasinin' i Davida rainy dia ny volafotsy sy ny volamena; ary ny fanaka rehetra dia nataony tao amin' ny rakitry ny tranon' Andriamanitra. **2** Ary tamin' izany dia novorin' i Solomona ny loholon' ny Isiraely sy ny lehiben' ny firenena rehetra, dia ny lohan' ny fianakavian' ny Zanak' isiraely ho any Jerosalema hampakatra ny fiaran' ny faneken' i Jehovah avy any Ziona, Tanànan' i Davida. **3** Dia nivory ho any amin' ny mpanjaka ny lehilahy rehetra amin' ny Isiraely tamin' ny andro firavoravoana tamin' ny volana fahafito. **4** Ary tonga koa ny loholon' ny Isiraely rehetra, ka ny Levita no nitondra ny fiara, **5** dia nampakariny ny fiara sy ny trano-lay fihaonana ary ny fanaka masìna rehetra izay tao amin' ny lay. Nampakarin' ny Levita mpisorona ireo zavatra ireo. **6** Ary Solomona mpanjaka sy ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, izay nivory teo aminy teo anoloan' ny fiara, dia samy namono zavatra hatao fanatitra, dia ondry aman' osy sy omby izay tsy tambo isaina sady tsy hita isa noho ny hamaroany. **7** Ary ny fiaran' ny faneken' i Jehovah dia nampidirin' ny mpisorona ho ao amin' ny fitoerany tao anatin' ny efi-trano anatiny, dia ny fitoerana masìna indrindra, teo ambanin' ny elatry ny kerobima; **8** fa nivelatra tambonin' ny fitoeran' ny fiara ny elatry ny kerobima ka nanaloka ny fiara sy ny baony. **9** Ary lava ny bao, ka hita ny lohany, raha eo amin' ny fiara eo anoloan' ny efitra matiny nefa tsy hita eny ivelany, ary mbola ao mandraka androany izy. **10** Ary tsy nisy na inona na inona tao anatin' ny fiara afa-tsy ny vato fisaka roa ihany izay nataon' i Mosesy tao anatiny fony tany Horeba, tamin' i Jehovah nanao fanekena tamin' ny Zanak' isiraely, tamin' ny nivoahany avy tany Egypta. **11** Ary nony nivoaka avy tao amin' ny fitoerana masìna ny mpisorona (fa ny mpisorona rehetra izay teo dia samy efa nanamasina ny tenany, fa tsy mba nifandimby isan-toko taminy izay), **12** ary ny Levita mpihira rehetra, dia Asafa sy Hemana sy Jedotona mbamin' ny zanany sy ny rahalahiny, izay nitafy rongony fotsy madinita sady nitondra kipantsona sy valiha ary lokanga, dia nitsangana teo atsinanan' ny alitara, ary teo aminy koa nisy pisorona roa-polo amby zato nitsoka trompetra; **13** ary efa toy ny feo iray no fandrenesana ny mpitsoka trompetra sy ny mpihira, raha nidera sy nisaotra an' i Jehovah izy; ka nony nanandratra ny feony izy sady nampaneno ny trompetra sy ny kipantsona sy ny zava-maneno isan-karazany ka nidera an' i Jehovah fa tsara Izy, fa mandrakizay ny famindram-pony, dia feno rahona ny tranon' i Jehovah; **14** ka dia tsy nahajanona hanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona noho ny rahona; fa feno ny voninahitr' i Jehovah ny tranon' Andriamanitra.

6 Dia hoy Solomona: Jehovah efa nilaza fa hitoetra ao amin' ny aizim-pito Izy. **2** Nefa izaho efa nanao trano hitoeranao tokoa, dia fitoerana hitoeranao mandrakizay. **3** Ary ny mpanjaka nitodika ka nitso-drano ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra (nitsangana avokoa ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra), **4** ka nanao hoe: Isaorana anie Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, fa ny vavany efa niteny tamin' i Davida raiko, ary ny tànany no nahatanteraka izany taminy, dia ilay hoe: **5** Hatramin' ny andro nitondrako ny oloko nivoaka avy tany Egypta dia tsy mbola nisy tanàna nofidiko tamin' ny firenen' isiraely rehetra hanaovana trano mba hitoeran' ny anarako; ary tsy nisy olona nofidiko ho mpanapaka ny Isiraely oloko; **6** fa nifidy an' i Jerosalema Aho hitoeran' ny anarako, ary nifidy an' i Davida Aho hanapaka ny Isiraely oloko. **7** Ary efa mby tao am-pon' i Davida raiko ny hanao trano ho an' ny anaran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **8** Nefa hoy Jehovah tamin' i Davida raiko: Satria tao am-ponao ny fikasana hanao trano ho an' ny anarako, dia tsara izany fikasanao izany. **9** Kanefa tsy ianao no hanao ny trano, fa ny zanakao izay haterakao, izy no hanao ny trano ho an' ny anarako. **10** Ary Jehovah efa nahatanteraka ny teniny izay nolazainy, koa nitsangana handimby an' i Davida raiko aho ary mipetraka amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely tahaka ny efa nolazain' i Jehovah, sady efa nanao ny trano ho an' ny anaran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, aho. **11** Ary napetrako tao ny fiara izay itoeran' ny faneken' i Jehovah, ilay nataony tamin' ny Zanak' isiraely. **12** Ary Solomona nitsangana teo anoloan' ny alitaran' i Jehovah teo anatrehan' ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, ka namelatra ny tànany **13** fa efa nanao fitaingenana varahina izy, ary napetrany teo afovoan' ny kianja io (dimy hakiho ny lavany, ary dimy hakiho ny sakany, ary telo hakiho ny hahavony); dia nitsangana teo amin' io izy ka nandohalika teo anatrehan' ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, ary namelatra ny tànany manandrify ny lanitra **14** ka nanao hoe: Ry Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, tsy misy Andriamanitra tahaka Anao, na any an-danitra na etỳ an-tany, Izay mitandrina ny fanekenao sy ny famindram-ponao ho an' ny mpanomponao izay mandeha eo anatrehanao amin' ny fony rehetra, **15** sady efa nahatanteraka tamin' i Davida raiko mpanomponao ilay nolazainao taminy; fa nolazain' ny vavanao izany, dia notanterahin' ny tananao tahaka ny amin' izao anio izao. **16** Koa tanteraho amin' i Davida raiko mpanomponao, Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, ilay nolazainao taminy hoe: Tsy ho diso zanakalahy eo anatrehako ianao hipetraka amin' ny seza fiandrianan' ny Isiraely, raha ny zanakao mitandrina ny alehany ka mankatò ny lalàko tahaka ny nandehananao teo anatrehako. **17** Koa ankehitriny, ry

Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, mifona amina aho, aoka ho tò anie ny teninao, izay nolazainao tamin' i Davida mpanomponao. **18** Andriamanitra va dia honina amin' ny olona etỳ an-tany tokoa? He! ny lanitra, ary ny lanitry ny lanitra aza, tsy omby Anao, koa mainka fa ity trano nataoko ity! **19** Koa atreho ny fivavaka sy ny fifonan' ny mpanomponao, Jehovah Andriamanitro ô, mba hohenoinao ny fitarainana sy ny fivavaka izay ataon' ny mpanomponao eto anatrehanao, **20** mba hihiratan' ny masonao andro aman' alina amin' ity trano ity, dia amin' ny fitoerana nolazainao hoe: Ao no hasiako ny anarako, hihainoanao ny vavaka izay ataon' ny mpanomponao manatrika ity fitoerana ity. **21** Ary henoy ny fifonan' ny mpanomponao sy ny Isiraely olonao, raha mivavaka manatrika ity fitoerana ity izy; dia mihainoa any an-danitra fonenanao Hianao; eny, mihainoa, ka mamelà heloka. **22** Raha misy olona manota amin' ny namany, ary ampianianiny, ka tonga hianiana eo anoloan' ny alitaranao amin' ity trano ity izy, **23** dia mihainoa any an-danitra Hianao, ka manaova, ary mitsarà ny mpanomponao, hamaly ny ratsy fanahy ka hampitsingerina ny nataony ho amin' ny lohany, ary hanamarina ny marina kosa ka hanome azy araka ny fahamarinany. **24** Raha resy eo anoloan' ny fahavalo ny Isiraely olonao noho ny nanotany taminao, ary miverina sy manaiky ny anaranao indray ka mivavaka sy mifona eto anatrehanao amin' ity trano ity izy, **25** dia mihainoa any an-danitra, Hianao, ka mamelà ny fahotan' ny Isiraely olonao, ary ampodio amin' ny tany nomenao azy sy ny razany izy. **26** Raha mihantona ny andro, ka tsy misy ranonorana noho ny nanotan' ny olona taminao, ary mivavaka manatrika ity fitoerana ity izy ka manaiky ny anaranao sady miala amin' ny fahotany, satria ampahorinao, **27** dia mihainoa any an-danitra Hianao, ka mamelà ny fahotan' ny mpanomponao, dia ny Isiraely olonao, satria atoronao azy ny lalana tsara izay tokony halehany, ary mandatsaha ranonorana amin' ny taninao, izay nomenao ho lovan' ny olonao. **28** Raha misy mosary amin' ny tany, na areti-mandringana, na mainan' ny rivotra ny vary, na maty fotsy, na misy valala sy sompanga, na misy fahavalo manao fahirano azy ao amin' ny taniny, dia ao amin' ny tanànany, na inona fahoriana, na inona aretina, **29** izay vavaka rehetra sy fifonana rehetra ataon' olona, na ny Isiraely olonao rehetra, izay samy mahalala ny fahoriany sy ny alahelony avy, ka mamelatra ny tànany manatrika ity trano ity izy, **30** dia mihainoa any an-danitra fonenanao Hianao, ka mamelà heloka, ka omeo ny olona araka ny alehany rehetra, fa fantatrao ny fony (fa Hianao dia Hianao irery ihany no mahalala ny fon' ny zanak' olombelona,) **31** mba hatahorany Anao sy handehanany amin' ny lalanao amin' izay andro rehetra hiainany etỳ amin' ny tany nomenao ny razanay. **32** Ary henoy koa ny vahiny izay tsy isan' ny Isiraely olonao, fa tonga avy any amin' ny tany lavitra noho ny amin' ny anaranao lehibe sy ny tananao mahery ary ny sandrinao ahinjitra, koa raha avy izy ka mivavaka manatrika ity trano ity, **33** dia mihainoa any an-danitra fonenanao Hianao, ka manaova araka izay rehetra iantsoan' ny vahiny Anao, mba ho fantatry ny firenena rehetra ambonin' ny tany ny anaranao hatahorany Anao tahaka ny ataon' ny Isiraely olonao ihany, ary mba ho fantany fa ny anaranao no efa nantsoina tamin' ity trano nataoko ity. **34** Raha mivoaka hiady amin' ny fahavalony ny olonao, na ho aiza na ho aiza no hanirahanao azy, ka mivavaka aminao manandrify ity tanana izay nofidinao ity sy ny trano izay nataoko ho an' ny anaranao izy, **35** dia henoy any an-danitra ny fivavany sy ny fifonany, ka omeo rariny izy. **36** Raha manota aminao izy (fa tsy misy olombelona tsy manota), ka tezitra aminy Hianao ary manolotra azy eo anoloan' ny fahavalony, ka dia entin' ny mpamabo ho babo any amin' ny tany na ho lavitra na ho akaiky izy, **37** ary mahatsiaro any amin' ny tany nitondrana azy ho babo izy ka mibebaka sy mifona aminao any amin' ny tany izay nitondrana azy ho babo ary manao hoe: Efa nanota izahay sady efa nanao meloka sy efa nanao ratsy, **38** ka dia miverina aminao amin' ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra izy ao amin' ny tany nitondrana azy ho babo ary mivavaka manandrify ny taniny izay nomenao ny razany sy ny tanàna izay nofidinao ary ny trano izay nataoko ho an' ny anaranao, **39** dia henoy any an-danitra fonenanao ny fivavany sy ny fifonanao ka omeo rariny izy; ary mamelà ny olonao izay efa nanota taminao. **40** Ankehitriny, ry Andriamanitro ô, mifona aminao aho, aoka hihiratra ny masonao, an aoka ny sofinao hihaino ny vavaka atao amin' ity fitoerana ity. **41** Koa ankehitriny mitsangàna, ry Jehovah Andriamanitra ô, ho amin' ny fitsaharanao, dia Hianao sy ny fiaran' ny herinao; aoka ny mpisoronao hitafy famonjena, Jehovah Andriamanitra ô, ary aoka ny olonao masìna hifaly amin' ny soa. **42** Ry Jehovah Andriamanitra ô, aza lavinao ny voahosotrao; tsarovy ny famindram-po nampanantenaina an' i Davida mpanomponao.

7 Ary rehefa vita izany vavak' i Solomona izany, dia nisy afo latsaka avy tany an-danitra ka nandevona ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa alatsa-drà, ka feno ny voninahitr' i Jehovah ny trano. **2** Ary ny mpisorona tsy nahazo niditra tao an-tranon' i Jehovah, satria feno ny voninahitr' i Jehovah ny tranony. **3** Ary nony hitan' ny Zanak' Isiraely rehetra ny nilatsahan' ny afo sy ny voninahitr' i Jehovah teo ambonin' ny trano, dia niankohoka tamin' ny lampivato izy ka nivavaka sy nidera an' i Jehovah, fa tsara Izy, fa mandrakizay ny famindram-pony. **4** Ary ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra dia namono zavatra hatao fanatitra teo anatrehan' i Jehovah. **5** Ary Solomona mpanjaka namono zavatra hatao fanatitra, dia omby roa arivo amby roa alina sy ondry aman' osy roa alina amby iray hetsy. Toy izany no nitokanan' ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra ny tranon' Andriamanitra. **6** Ary ny mpisorona samy nitsangana hanao ny anjara-raharahany avy; ny Levita koa nanana ny zava-manenon' i Jehovah, izay nataon' i Davida mpanjaka hiderana an' i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony, raha nasain' i Davida nidera an' Andriamanitra izy; ary ny mpisorona nitsoka ny trompetra teo anoloany, ary ny Isiraely rehetra nitsangana teo. **7** Ary Solomona nanamasina ny afovoan' ny kianja izay teo anoloan' ny tranon' i Jehovah; fa tao no nanaterany ny fanatitra dorana sy ny saboran' ny fanati-pihavavana; fa

ny alitara varahina izay nataon' i Solomona dia tsy omby ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hohanina ary ny sabora. **8** Ary tamin' izany andro izany Solomona ny Isiraely rehetra izay teo aminy, dia nangonana lehibe hatrany akaikin' i Hamata ka hatramin' ny lohasahan-driak' i Egypta, dia nitandrina ny andro firavoravoana hafitoana. **9** Ary tamin' ny andro fahavalo dia nanao fara-fivoriana Izy; fa hafitoana no nitandremany ny fitokanana ny alitara, ary hafitoana koa ny andro firavoravoana. **10** Ary nony tamin' ny andro fahatelo amby roa-polo tamin' ny volana fahafito dia nampodiny ho Eny an-dainy avy ny olona, ary faly sy ravoravo izy noho ny soa nataon' i Jehovah tamin' i Davida sy Solomona ary ny Isiraely olony. **11** Toy izany no nahavitan' i Solomona ny tranon' i Jehovah sy ny lapan' andriana, ary samy nataon' i Solomona lavorary avokoa zay rehetra efa voaheviny hatao tao an-tranon' i Jehovah sy tao an-dapany. **12** Ary Jehovah niseho tamin' i Solomona nony alina ka nanao taminy hoe: Efa reko ny vavakao, ary efa nofidiko ho Ahy ity fitoerana ity ho trano fanateram-panatitra. **13** Koa, indro, raha mampihantona ny andro Aho, ka tsy misy ranonorana latsaka, na asaiko mandany ny tany ny valala, na anaterako areti-mandringana ny oloko, **14** raha ny oloko izay nantsoina amin' ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin' ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny. **15** Ary izao dia hihiratra ny masoko, ary ny sofiko hihaino ny vavaka Izay atao amin' ity fitoerana ity; **16** fa efa nofidiko sy nohamasiniko ity trano ity mba hitoeran' ny anarako mandrakizay, ary ny masoko sy ny foko ho ao mandrakariva. **17** Ary ny aminao, raha handeha eo anatrehako tahaka ny nandehanan' i Davida rainao ianao ka hanao araka izay andidiako anao sy hitandrina ny didiko sy ny fitsipiko, **18** dia hampitoeriko ny seza fiandrianan' ny fanjakanao, araka ny fanekeko tamin' i Davida rainao hoe: Tsy ho diso zanakalahy ho mpanapaka amin' ny Isiraely ianao. **19** Fa raha mivily kosa ianareo ka mahafoy ny didiko sy ny lalako, izay nataoko teo anoloanareo, ka mandeha manompo andriamani-kafa sy miankohoka eo anatrehany **20** dia hongotako amin' ny tany izay nomeko anareo; ary hofongorako tsy ho eo imasoko ity trano nohamasiniko ho an' ny anarako ity sady hataoko ho ohabolana sy ho ambentinteny any amin' ny firenena rehetra. **21** Ary na dia avo aza ity trano ity, dia ho fitalanjonan' izay rehetra mandalo azy ka hatao hoe: Naninona re no dia nataon' i Jehovah toy izao ity tany sy ity trano ity? **22** Ary hisy hamaly hoe: Satria nahafoy an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, Izay nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta izy ka nikikitra tamin' andriamani-kafa sady niankohoka teo anatrehany sy nanompo azy, koa izany no nampidirany izao loza rehetra izao taminy.

8 Ary nony afaka ny roa-polo taona naonaovan' i Solomona ny tranon' i Jehovah sy ny lapan' ny tenany, **2** dia namboariny ny tanàna izay nomen' i Hirama azy ka namponenany ny Zanak' isiraely. **3** Ary Solomona nankany Hamata-zoba ka naharesy azy. **4** Ary nanorina an' i Tadmora tany an-efitra sy ny tanana fitehirizana rehetra izay nataony tany Hamata izy. **5** Ary namboariny koa Beti-horona ambony sy Beti-horona ambany, tanàna mafy misy manda sy vavahady mihidy, **6** ary Baleta sy ny tanàna fitehirizana rehetra izay an' i Solomona sy ny tanàna rehetra fitoeran-kalesy sy ny tanàna fitoeran' ny mpitaingin-tsoavaly ary izay rehetra tian' i Solomona haorina tany Jerosalema sy tany Libanona ary tany amin' ny tany nanjakany rehetra. **7** Ary ny amin' ny olona sisa rehetra tamin' ny Hetita sy ny Amorita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita, izay tsy isan' ny Isiraely **8** dia ny taranany izay sisa nandimby azy teo amin' ny taniny, fa tsy naringan' ny Isiraely, no nampanaovin' i Solomona fanompoana mandraka androany. **9** Fa ny Zanak' isiraely dia tsy mba nampanaovin' i Solomona izany, fa ireo kosa no miaramila sy komandin' ny mpanafika malaza ary komandin' ny kalesiny sy ny mpitaingin-tsoavaliny **10** Ary izao no mpifehy ny olona voatendrin' i Solomona mpanjaka, dia dimam-polo amby roan-jato izay nanapaka ny olona. **11** Ary Solomona nitondra ny zanakavavin' i Farao niakatra avy tany an-Tanànan' i Davida ho ao amin' ny trano izay nataony ho azy, fa hoy izy: Ny vadiko tsy mahazo mitoetra ao an-tranon' i Davida, mpanjakan' ny Isiraely, fa masìna izay efa nidiran' ny fiaran' i Jehovah. **12** Ary tamin' izany Solomona nanatitra fanatitra dorana ho an' i Jehovah teo ambonin' ny alitaran' i Jehovah, izay naoriny teo anoloan' ny lavarangana fidirana; **13** eny, nanatitra izay fanao isanandro izy araka ny didin' i Mosesy dia tamin' ny Sabata sy ny voaloham-bolana ary ny fotoam-pivavahana intelo isan-taona, dia tamin' ny andro firavoravoana fihinanana mofo tsy misy masirasira sy ny andro firavoravoana manarakaraka ireo herinandro ary ny andro firavoravoana fitoerana amin' ny trano rantsan-kazo. **14** Ary notendreny koa ny antokon' ny mpisorona araka ny nandaharan' i Davida rainy azy ho amin' ny fanompoany avy ary ny Levita ho amin' ny anjara-raharahany koa, dia ny hidera sy hanao fanompoam-pivavahana eo anoloan' ny mpisorona araka ny raharaha fanao isan' andro, ary ny mpiandry varavarana araka ny antokony amin' ny isam-bavahady; fa izany no nandidian' i Davida lehilahin' Andriamanitra, azy. **15** Ary tsy nialan' ireo ny didin' ny mpanjaka tamin' ny mpisorona sy ny Levita na amin' inona na amin' inona, indrindra fa ny amin' ny rakitra. **16** Toy izany no nanamboaran' i Solomona ny asa rehetra nataony hatramin' ny andro nanorenany ny tranon' i Jehovah ka ambara-pahavitany; ka dia vita tsara ny tranon' i Jehovah. **17** Ary tamin' izay Solomona dia nankany Ezion-gebera sy Elota eo amoron' ny ranomasina any amin' ny tany Edoma, **18** ary ny mpanompon' i Hirama dia nampandehaniny hitondra sambo sy mpanompo izay mahay ranomasina; ary niara-nandeha tamin' ny mpanompon' i Solomona ho any Ofira ireo ka nahazo talenta volamena dimam-polo amby efa-jato tany izy, dia nentiny tany amin' i Solomona mpanjaka izany.

9 Ary ny mpanjakavavin' i Sheba, rehefa ny nahare ny lazan' i Solomona, dia tonga tany Jerosalema hizaha toetra azy tamin' ny fanontaniana sarotra, ary maro be ny mpanaraka azy, sady be koa ny rameva izay nitondra zava-manitra sy volamena sesehena ary vato soa; ary rehefa

tonga tao amin' i Solomona izy, dia niresaka taminy ny amin' izay rehetra tao am-pony. **2** Ary voavalin' i Solomona izy tamin' izay rehetra nanontaniany azy; tsy nisy zavatra niafina tamin' i Solomona, fa nambarany azy avokoa. **3** Ary rehefa hitan' ilay mpanjakavavin' i Sheba ny fahendren' i Solomona sy ny trano izay nataony **4** sy ny hanim-pihinany teo amin' ny latabany, sy ny fipetrahan' ny tandapany sy ny fitoeran' ny mpanompony mbamin' ny fitafian' ireo sy ny mpitondra kapoakany sy ny fitafian' ireo, ary ny ambaratonga izay niakarany ho ao an-tranon' i Jehovah, dia talanjona terỳ izy. **5** Dia hoy izy tamin' ny mpanjaka: Marina ny teny efa reko tany amin' ny taniko ny amin' ny teninao sy ny fahendrenao. **6** Kanefa tsy nino ny filazana aho, raha tsy tonga atỳ, ka ny masoko no mahita; kanjo hay! na dia ny antsasaky ny fahendrenao aza tsy voalaza tamiko akory; fa, indro, mihoatra noho ny laza efa reko ianao. **7** Sambatra lahy ny olonao, ary sambatra ireto tandapanao ireto, izay mijanona eto anatrehanao mandrakariva ka mandre ny fahendrenao! **8** Isaorana anie Jehovah Andriamanitrao Izay tia anao ka nametraka anao amin' ny seza fiandrianany ho mpanjaka ho an' i Jehovah Andriamanitrao; fa noho ny fitiavan' Andriamanitrao ny Isiraely hampitoetra azy mandrakizay no nanaovany anao ho mpanjakany mba hanao fitsarana sy fahamarinana. **9** Ary izy nanome talenta volamena roa-polo amby zato sy zava-manitra sesehena ary vato soa ho an' ny mpanjaka; tsy nisy intsony zava-manitra tahaka ilay nomen' ny mpanjakavavin' i Sheba an' i Solomona mpanjaka. **10** Ary ny mpanompon' i Hirama koa sy ny mpanompon' i Solomona, izay naka volamena avy tany Ofira, dia nitondra hazo almoga sy vato soa. **11** Ary ny hazo almoga dia nataon' ny mpanjaka ambaratonga mankamin' ny tranon' i Jehovah sy ny lapan' andriana ary nataony lokanga sy valiha ho an' ny mpihira koa; ary tsy mbola nisy hita toy izany teo aloha tamin' ny tanin' ny Joda. **12** Ary Solomona mpanjaka dia nanome ny mpanjakavavin' i Sheba kosa izay rehetra niriny, na inona na inona nangatahiny, afa-tsy izay valin' ny nentiny ho an' ny mpanjaka; ka dia niverina izy, ary lasa nody tany amin' ny taniny izy mbamin' ny mpanompony. **13** Ary ny lanjan' ny volamena izay tonga tao amin' i Solomona isan-taona dia talenta volamena enina amby enim-polo amby enin-jato, **14** afa-tsy izay nentin' ny mpivarotra sy ny mpandranto. Ary ny mpanjakan' i Arabia rehetra sy ny mpanapaka ny tany dia samy nitondra volamena sy volafotsy ho an' i Solomona. **15** Ary Solomona mpanjaka nanao ampinga volamena lehibe roan-jato tamin' ny volamena voafisaka, ka takela-bolamena sekely enin-jato no napetaka tamin' ny ampinga lehibe iray. **16** Ary nanao ampinga volamena telonjato koa izy tamin' ny volamena voafisaka, ka takela-bolamena sekely telon-jato no napetaka tamin' ny ampinga iray. Dia napetraky ny mpanjaka tao amin' ny trano Alan' i Libanona lreo. **17** Ary ny mpanjaka nanao seza fiandrianana ivory lehibe, ka nopetahany takela-bolamena tsara. **18** Nisy ambaratonga enina amin' ny seza fiandrianana sy fitoeran-tongotra volamena, izay naraikitra tamin' ny seza fiandrianana, ary nisy fitehenana teo an-daniny roa tamin' ny fipetrahana ary nisy sarin-diona roa teo an-danin' ny fitehenan-tanana; **19** ary nisy sarin-diona roa ambin' ny folo teo an-daniny roa teo amin' ny ambaratonga enina. Tsy nisy natao tahaka izany tany amin' ny fanjakana rehetra. **20** Ary ny fisotroan' i Solomona mpanjaka dia volamena avokoa, ary ny fanaka rehetra tao amin' ny trano Alan' i Libanona koa dia volamena tsara avokoa; tsy nisy volafotsy ireo, fa natao toy ny tsinontsinona izany tamin' ny andron' i Solomona. **21** Fa ny mpanjaka nanana sambo mpankany Tarsisy niaraka tamin' ny mpanompon' i Hirama; ary indray mandeha isan-telo taona no nihavian' ny sambon' i Tarsisy nitondra volamena sy volafotsy sy ivory sy rajako ary vorombola. **22** Ary Solomona mpanjaka dia nanan-karena sady hendry indrindra noho ny mpanjaka rehetra ambonin' ny tany. **23** Ary ny mpanjaka rehetra ambonin' ny tany nitady hahita ny tavan' i Solomona mba hihaino ny fahendrena, izay nataon' Andriamanitra tao am-pony. **24** Ary izy rehetra dia samy nahatonga ny anjarany avy isan-taona, dia fanaka volafotsy sy fanaka volamena sy fitafiana sy fiadiana sy zava-manitra sy soavaly ary ampondra. **25** Ary Solomona nanana efi-trano efatra arivo fitoeran' ny soavaly mpitarika kalesy ary soavaly fitaingina roa arivo sy iray alina, izay nataony tao amin' ireo tanàna fitoeran-kalesy sy tao amin' ny mpanjaka tany Jerosalema. **26** Ary nanjaka tamin' ny mpanjaka rehetra hatramin' ny Ony ka hatramin' ny tanin' ny Filistina ary hatramin' ny sisin' i Egypta izy. **27** Ary nataon' ny mpanjaka tahaka ny vato ny habetsaky ny volafotsy tany Jerosalema, ary ny hazo sedera nataony toy ny aviavy eny amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka. **28** Ary nangalana soavaly avy tany Egypta sy tany amin' ny tany rehetra koa Solomona. **29** Ary ny tantaran' i Solomona sisa, na ny voalohany na ny farany, tsy efa voasoratra va izany ao amin' ny bokin' i Natana mpaminany sy amin' ny faminanian' i Ahia Silonita sy amin' ny fahitan' Ido mpahita ny amin' i Jeroboama, zanak' i Nebata? **30** Ary Solomona nanjaka efa-polo taona tamin' ny Isiraely rehetra tany Jerosalema. **31** Ary Solomona lasa nodimandry any amin' ny razany, dia nalevina tao an-Tanànan' i Davida rainy izy; ary Rehoboama zanany no nanjaka nandimby azy.

10 Ary Rehoboama nankany Sekema, fa tany no efa nalehan' ny Isiraely rehetra hampanjaka azy. **2** Koa raha nandre izany Jeroboama, zanak' i Nebata, izay efa nandositra nankany Egypta niala teo anatrehan' i Solomona mpanjaka, dia niverina avy tany Egypta izy. **3** Ary naniraka naka azy ny olona. Dia tonga Jeroboama sy ny Isiraely rehetra ka niteny tamin-dRehoboama hoe: **4** Rainao dia nampitondra zioga mavesatra anay; fa inty kosa mby aminao ka mba hamaivano ny fanompoana mafy tamin-drainao sy ny zioga mavesatra izay nataony taminay, dia hanompo anao izahay. **5** Fa hoy kosa izy taminy: Rehefa afaka hateloana, dia mankanesa atỳ amiko indray. Dia lasa ny olona. **6** Ary Rehoboama mpanjaka naka saina tamin' ny zoki-olona izay nitoetra teo anatrehan' i Solomona rainy fony fahavelony ka nanao hoe: Ahoana no hevitra omenareo havaly ny vahoaka? **7** Dia hoy ireo taminy: Raha ho mora amin' ny vahoaka ianao ka hankasitraka

azy sy hanao teny mora aminy, dia ho mpanomponao mandrakizay izy. **8** Nefa nolavin-dRehoboama ny saina nomen' ireo zoki-olona azy, dia naka hevitra tamin' ny tovolahy izay indray nihira taminy sady efa nitoetra teo anatrehany izy ka nanao taminy hoe: **9** Ahoana kosa no mba hevitra omenareo havalintsika ny vahoaka izay niteny tamiko hoe: Hamaivano ny zioga izay nataon-drainao taminay? **10** Ary ireo tovolahy indray nihira taminy nanao taminy hoe: Izao no lazao amin' ny vahoaka izay niteny taminao hoe: Rainao nampitondra zioga mavesatra anay; fa inty kosa mby aminao, ka mba hamaivano aminay izany, izao no lazao aminy. Ny ankihikeliko dia lehibe noho ny valahan' ny raiko; **11** koa raha nampitondra zioga mavesatra anareo ny raiko, izaho kosa dia mainka hanampy ny zioga ho entinareo; kotopia no namaizan' ny raiko anareo, fa maingoka fikapohana kosa no hamaizako anareo. **12** Ary Jeroboama sy ny vahoaka rehetra dia nankany amin-dRehoboama tamin' ny andro fahatelo, araka ilay nolazain' ny mpanjaka hoe: Mankanesa atỳ amiko indray amin' ny andro fahatelo. **13** Ary Rehoboama mpanjaka nanao teny mafy tamin' ny olona, fa nandà ny hevitra nomen' ireo zoki-olona azy **14** ka niteny taminy araka ny hevitra nomen' ireo tovolahy hoe: Nampitondra zioga mavesatra anareo ny raiko, fa izaho kosa mainka hanampy izany; kotopia no namaizan' ny raiko anareo, fa maingoka fikapohana kosa hamaizako anareo. **15** Ka dia tsy nihaino ny olona ny mpanjaka, fa avy tamin' Andriamanitra izany zavatra izany hahatanteraka ny teniny izay nampilazainy an' i Ahia Silonita tamin' i Jeroboama, zanak' i Nebata. **16** Ary nony hitan' ny Isiraely rehetra fa tsy nihaino azy ny mpanjaka, dia namaly ny mpanjaka ny vahoaka ka nanao hoe: Inona moa no anjaranay amin' i Davida? Tsy manana lova amin' ny zanak' i Jese izahay. Samia mody any an-dainy avy, ry Isiraely e! ankehitriny tandremo ny taranakao, ry Davida ô. Dia samy nody ho any an-dainy avy ny Isiraely rehetra. **17** Fa ny Zanak' isiraely izay nonina tany an-tanànan' ny Joda ihany no nanjakan-dRehoboama. **18** Ary dia naniraka an' i Adorama, komandin' ny mpanao fanompoana, Rehoboama mpanjaka, nefa ny Zanak' isiraely nitora-bato azy, ka maty izy. Dia niezaka faingana nankeo amin' ny kalesiny Rehoboama mpanjaka handositra ho any Jerosalema. **19** Ka dia niodina tamin' ny taranak' i Davida ny Isiraely mandraka androany.

11 Ary nony tonga tany Jerosalema Rehoboama, dia novoriny ny taranak' i Joda sy Benjamina, dia miaramila valo alina amby iray hetsy voafantina, hiady amin' ny Isiraely hampody ny fanjakana ho an-dRehoboama. **2** Kanjo kosa ny tenin' i Jehovah tonga tamin' i Semaia, lehilahin' Andriamanitra, ka nanao hoe: **3** Mitenena amin-dRehoboama, zanak' i Solomona, mpanjakan' ny Joda, sy amin' ny Isiraely rehetra amin' ny Joda sy ny Benjamina hoe: **4** Izao no lazain' i Jehovah: Aza mandeha hiady amin' ny rahalahinareo, fa samia mody any an-tranony avy ianareo, fa avy amiko izao zavatra izao. Ary nihaino ny tenin' i Jehovah ny olona, ka dia samy lasa nody, fa tsy nandeha hamely an' i Jeroboama. **5** Ary Rehoboama nitoetra tany Jerosalema ka nanamboatra tanàna mimanda tany Joda. **6** Ny namboariny dia izao: Betlehema sy Etama sy Tekoa **7** sy Beti-zora sy Soko sy Adolama **8** sy Gata sy Maresa sy Zifa **9** sy Adoraima sy Lakisy sy Azeka **10** sy Zora sy Aialona ary Hebrona, izay tanàna mimanda ao amin' ny Joda sy ny Benjamina. **11** Ary nanamafy ny tanàna mimanda izy sady nametraka mpanapaka tao aminy ary nanisy hanina sy diloilo ary divay betsaka. **12** Ary tamin' ny isam-bohitra dia nasiany ampinga lehibe sy lefona avokoa, sady nohamafiny dia nohamafiny ny vohitra; ary ny Joda sy ny Benjamina no nomba azy. **13** Ary ny mpisorona sy ny Levita izay teo amin' ny Isiraely rehetra dia nanatona azy avy tany amin' ny fari-taniny avy. **14** Fa ny Levita nandao ny tanànany sy ny tany manodidina azy ka nankany Joda sy Jerosalema (fa Jeroboama sy ny zanany efa nanaisotra azy tsy ho mpisorona ho an' i Jehovah, **15** fa nanendry mpisorona ho amin' ny fitoerana avo sy ho an' ny Seïrima ary ho an' ny ombilahy kely izay nataony). **16** Ary na iza na iza tamin' ny firenen' Isiraely rehetra no nanolotra ny fony hitady an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, dia nanaraka ireo nankany Jerosalema hamono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany. **17** Ka dia nampahery ny fanjakan' ny Joda izy sady nampahavitrika an-dRehoboama, zanak' i Solomona, telo taona; fa nandeha tamin' ny lalan' i Davida sy Solomona telo taona izy. **18** Ary Rehoboama naka an' i Mahalota, zanakavavin' i Jerimota, zanak' i Davida, sy Abihaila, zanakavavin' i Eliaba, zanak' i Jese, ho vadiny, **19** izay nahazoany zaza, dia Jeosy sy Semaria ary Zahama. **20** Ary nanarakaraka azy, dia nalainy koa Imaka, zanakavavin' i Absaloma, izay niteraka an' i Abia sy Atahy sy Ziza ary Selomita taminy. **21** Ary Rehoboama tia an' Imaka, zanakavavin' i Absaloma, mihoatra noho ny vadiny sy ny vaditsindranony rehetra (fa naka vady valo ambin' ny folo sy vaditsindrano enim-polo izy ka niteraka lahy valo amby roa-polo sy vavy enim-polo). **22** Ary Abia, zanakalahin' Imaka, no nataon-dRehoboama lohany ho mpanapaka ny rahalahiny; fa izy no efa nokasainy hampanjakaina. **23** Ary hendry izy ka nampiely ny zanany eran' ny tanin' ny Joda sy ny Benjamina rehetra, dia tany amin' ny tanàna mimanda rehetra, ka nomeny hanina betsaka sady nitadiavany vady maro.

12 Ary Rehoboama, rehefa nampandry ny ny fanjakany sady efa nahery, dia nahafoy ny lalan' i Jehovah izy sy ny Isiraely rehetra. **2** Ary tamin' ny taona fahadimy nanjakan-dRehoboama mpanjaka dia niakatra Sisaka, mpanjakan' i Egypta, hamely an' i Jerosalema, fa nivadika tamin' i Jehovah ny mponina tany, **3** ary nitondra kalesy roan-jato amby arivo sy mpitaingin-tsoavaly enina alina izy, ary tsy hita isa ny olona izay nanaraka azy avy tany Egypta, dia ny Lobita sy ny Sokita ary ny Etiopiana. **4** Dia nahafaka ny tanàna mimanda izay any Joda izy ka tonga tany Jerosalema. **5** Ary Semaia mpaminany tonga tao amin-dRehoboama sy ireo mpanapaka ny Joda, izay tafangona tany Jerosalema noho ny amin' i Sisaka, ka nanao taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Hianareo efa

nahafoy Ahy, koa Izaho kosa dia mba nahafoy anareo ho eo an-tànan' i Sisaka. **6** Dia niaiky ireo mpanapaka ny Isiraely sy ny mpanjaka ka nanao hoe: Marina Jehovah. **7** Ary nony hitan' i Jehovah fa niaiky izy, dia tonga tao amin' i Semaia indray ny tenin' i Jehovah nanao hoe: Efa niaiky izy, ka dia tsy handringana azy Aho, fa tsy ho ela dia hamonjy azy; ary tsy haidiko amin' i Jerosalema avy amin' ny tànan' i Sisaka ny fahatezerako. **8** Kanefa ho mpanompony ihany izy, mba hahafantarany ny fanompoana Ahy sy ny fanompoana any amin' ny fanjakana hafa. **9** Dia niakatra Sisaka, mpanjakan' i Egypta, hamely an' i Jerosalema ka namabo ny rakitry ny tranon' i Jehovah sy ny rakitry ny tranon' ny mpanjaka: samy nobaboiny avokoa izy rehetra; ary nobaboiny koa ny ampinga volamena izay nataon' i Solomona. **10** Ary Rehoboama mpanjaka nanao ampinga varahina ho solon' ireny ka nanolotra azy ho eo an-tànan' ny lehiben' ny mpiambina, izay niambina ny varavaran' ny tranon' ny mpanjaka. **11** Ary na oviana na oviana no nidiran' ny mpanjaka tao an-tranon' i Jehovah, dia avy ny mpiambina naka ireo ka namerina azy ho ao an-tranon' ny mpiambina indray. **12** Ary raha nanetry tena izy, dia niala taminy ny fahatezeran' i Jehovah ka tsy nahalany ringana azy; sady nisy fahatsaram-panahy koa tamin' ny Joda. **13** Ary Rehoboama mpanjaka dia nitombo hery tany Jerosalema, ka dia nanjaka; iraika amby efa-polo taona izy, fony vao nanjaka, ary fito ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema, ilay tanana nofidin' i Jehovah tamin' ny firenen' Isiraely rehetra hampitoerany ny anarany. Ary ny anaran-dreniny dia Nama Amonita. **14** Ary nanao ratsy izy, satria tsy nampiomana ny fony hitady an' i Jehovah. **15** Ary ny tantaran-dRehoboama, na ny voalohany na ny farany, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' i Semaia mpaminany sy Ido mpahita ny amin' ny firazanana va izany? Ary niady mandrakariva Rehoboama sy Jeroboama. **16** Ary Rehoboama lasa nodimandry any amin' ny razany, dia nalevina tao an-Tanànan' i Davida izy; ary Abia zanany no nanjaka nandimby azy.

13 Ary tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folo nanjakan' i Jeroboama mpanjaka no vao nanjakan' i Abia tamin' ny Joda. **2** Telo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Mikaia, zanakavavin' i Oriela, avy any Gibea. Ary niady Abia sy Jeroboama. **3** Ary Abia niantomboka niady ka nitondra miaramila mahery, dia lehilahy efatra hetsy voafantina; ary Jeroboama kosa nandahatra ny azy hiady aminy, dia lehilahy valo hetsy voafantina, samy mahery avokoa. **4** Ary Abia nijoro teo an-tendrombohitra Zemaraima, izay any amin' ny tany havoan' i Efraima, ka nanao hoe: Mihainoa ahy, ry Jeroboama sy ry Isiraely rehetra: **5** Moa tsy tokony ho fantatrareo va fa nomen' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, ho an' i Davida mandrakizay ny fanjakan' ny Isiraely? dia ho azy sy ny taranany amin' ny fanekena nasiantsira. **6** Nefa kosa Jeroboama, zanak' i Nebata, mpanompon' i Solomona, zanak' i Davida, nitsangana ka niodina tamin' ny tompony. **7** Ary koa, nisy olom-poana, tena ratsy fanahy, niangona tao aminy ka nampahery ny tenany hanohitra an-dRehoboama, zanak' Solomona, raha mbola zaza sy tanora fanahy izy ka tsy nahatohitra azy. **8** Ary ankehitriny ianareo mikasa hanohitra ny fanjakan' i Jehovah, izay eo an-tànan' ny taranak' i Davida; ary ianareo dia maro be, sady misy ombilahy kely volamena ao aminareo, izay nataon' i Jeroboama ho andriamanitrareo. **9** Tsy efa noroahinareo va ny mpisoron' i Jehovah, dia ny taranak' i Arona, sy ny levita, ka nanendry mpisorona ho anareo tahaka ny fanaon' ny firenena amin' ny tany hafa ianareo? ka na zovy na zovy mitondra vantotr' ombilahy sy ondrilahy fito hanokanana ny tenany, dia izy no tonga mpisorona amin' ireo tsi-Andriamanitra. **10** Fa ny aminay kosa, dia Jehovah no Andriamanitray ka tsy mba nahafoy Azy izahay; ary ny mpisorona izay manao fanompoam-pivavahana ho an' i Jehovah, dia ny taranak' i Arona; ary ny Levita koa manao ny raharahany; **11** ary mandoro fanatitra dorana sy ditin-kazo manitra ho an' i Jehovah isa-maraina sy isan-kariva izy, ary ny mofo aseho koa alahany eo amin' ny latabatra tsara, ary ny jiro koa ampirehetiny Isan-kariva ao amin' ny fanaovan-jiro volamena sy ny lela fanaovan-jirony; fa izahay mitandrina izay nasain' i Jehovah Andriamanitray hotandremana; fa ianareo kosa nahafoy Azy. **12** Ary, indro, ato aminay Andriamanitra ho mpitarika anay, ary ny mpisorony sy ny trompetra avo faneno hotsofina mafy hamelezana anareo Ry Zanak' isiraely ô, aza miady amin' i Jehovah, Andriamanitry ny razanareo; fa tsy hambinina ianareo. **13** Fa nasain' i Jeroboama nanompirana no fandehan' ny otrika mba ho tonga ao aoriany, ka dia izy teo anoloan' ny Joda, ary ny otrika teo ivohony. **14** Ary nony nitodika ny Joda, ka, indreo, teo alohany sy teo aoriany ny fahavalo, dia nitaraina tamin' i Jehovah izy, ary ny mpisorona nitsoka ny trompetra. **15** Dia nihoby ny lehilahy amin' ny Joda; ary raha nihoby izy, Andriamanitra dia namely an' i Jeroboama sy ny Isiraely rehetra teo anoloan' i Abia sy ny Joda. **16** Ary ny Zanak' isiraely nandositra niala teo anoloan' ny Joda; ary Andriamanitra nanolotra azy ho eo an-tànany, **17** ka nahafatesan' i Abia sy ny vahoakany be dia be izy; ary niampatrampatra ny fatin' ny Isiraely, dia lehilahy dimy hetsy voafantina. **18** Toy izany no nampietrena ny Zanak' isiraely fahizay; ary ny taranak' i Joda no nahery, satria niankina tamin' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, izy. **19** Ary Abia nanenjika an' i Jeroboama ka nahazo ny tanànany, dia Betela mbamin' ny zana-bohiny sy Jesana mbamin' ny zana-bohiny ary Efrona mbamin' ny zana-bohiny. **20** Ary Jeroboama tsy naharina intsony tamin' ny andron' i Abia; ary Jehovah namely azy, ka dia maty izy. **21** Ary Abia nitombo hery, ary nanam-bady efatra ambin' ny folo izy ka niteraka lahy roa amby roa-polo sy vavy enina ambin' ny folo. **22** Ary ny tantaran' i Abia sisa mbamin' ny nataony sy ny teniny dia efa voasoratra ao amin' ny bokin' Ido mpaminany.

14 Ary Abia lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao an-tanànan' i Davida izy; ary Asa zanany no nanjaka nandimby azy. Ary tamin' ny andron' i Asa dia nandry folo taona ny tany. **2** Ary Asa nanao izay tsara sy mahitsy eo imason' i Jehovah Andriamanitra; **3** fa

nandrava ny alitaran' ny firenena hafa sy ny fitoerana avo izy sady nanorotoro ny tsangam-baton-tsampy ary nikapa ny Aseraha. **4** Ary nandidy ny Joda hitady an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, izy ary hankatò ny lalàna sy ny didy. **5** Ary nandrava ny fitoerana avo sy ny tsangan-kazo ho an' ny masoandro teny amin' ny tanànan' ny Joda rehetra izy; dia nandry fahizay ny fanjakana teo anatrehany. **6** Ary nanao tanàna mimanda tany Joda izy; ka dia nandry fahizay ny tany, fa tsy nisy ady tamin' izany andro izany; fa Jehovah no nanome azy fiadanana. **7** Dia hoy izy tamin' ny Joda: Andeha hamboarintsika ireto tanana ireto ka hasiantsika manda manodidina sy tilikambo ary vavahady mihidy, raha mbola azontsika zakaina ny tany; fa efa nitady an' i Jehovah Andriamanitsika isika; eny, nitady Azy isika, ka nanome antsika fiadanana amin' ny manodidina Izy. Ary dia namboariny avokoa izany ka tontosa tsara. **8** Ary Asa nanana miaramila, dia telo hetsy mpitana ampinga lehibe sy lefona avy tamin' ny Joda, ary valo alina amby roa hetsy mpitana ampinga sy tsipìka avy amin' ny Benjamina; ireo rehetra ireo dia lehilahy mahery avokoa. **9** Ary Zera Etiopiana nivoaka hiady tamin' ireo ka nitondra miaramila iray tapitrisa sy kalesy telon-jato, ka dia tonga tao Maresa. **10** Ary Asa nivoaka hiady taminy, dia samy nilahatra hiady teo an-dohasaha Zefata akaikin' i Maresa izy. **11** Ary Asa nitaraina tamin' i Jehovah Andriamaniny ka nanao hoe: Jehovah ô, tsy misy afa-tsy Hianao no mahavonjy ny tsy manan-kery, raha iadian' ny maro izy, ka vonjeo izahay, Jehovah Andriamanitray ô, fa Hianao no iankinanay, ary ny anaranao no andehananay hiady amin' ireto olona ireto. Jehovah ô. Hianao no Andriamanitray; aza avela hisy olona haharesy Anao. **12** Ary Jehovah namely ny Etiopiana teo anoloan' i Asa sy ny Joda, ka dia nandositra ireny. **13** Ary Asa sy ny vahoaka teo aminy nanenjika azy hatrany Gerara, ka dia nahafatesana be ny Etiopiana ka tsy naharina intsony; fa voaringana teo anoloan' i Jehovah sy ny miaramilany izy, ka nahazoan' ny Joda babo betsaka. **14** Ary namely ny tanàna rehetra manodidina an' i Gerara izy; fa ny fahatahorana an' i Jehovah nahazo ireo, ka nobaboiny ny tanana rehetra, fa be ny babo tao. **15** Ary namely ny vala izy ka nahazo babo betsaka, dia ondry aman' osy sy rameva, ary dia niverina ho any Jerosalema izy.

15 Ary ny Fanahin' Andriamanitra tonga tamin' i Azaria, zanak' i Odeda; **2** ary dia nivoaka hitsena an' i Asa izy ka nanao taminy hoe: Mihainoa ahy, ry Asa mbamin' ny Joda sy ny Benjamina rehetra: Jehovah momba anareo, raha ianareo momba Azy; ary raha mitady Azy kosa ianareo, dia hahita Azy; fa raha mahafoy Azy ianareo, dia hahafoy anareo Izy. **3** Ary efa ela ny Isiraely no tsy nanana an' Andriamanitra marina, na mpisorona mampianatra, na lalàna. **4** Fa raha niverina tamin' Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, izy nony azom-pahoriana, ka nitady Azy, dia nahita Azy. **5** Ary tamin' izany dia tsy nisy fiadanana ho an' izay nivoaka na izay niditra; fa horohoro be no nahazo ny mponina rehetra tamin' ny tany. **6** Ary nifandringana ny firenena sy ny tanàna, fa Andriamanitra nampangorohoro azy tamin' ny fahoriana rehetra. **7** Koa mahereza ianareo, fa aza miraviravy tanana; fa hisy valim-pitia tokoa ny ataonareo. **8** Ary raha ren' i Asa izany teny izany sy ny faminanian' i Odeda mpaminany, dia niezaka izy ka nanaisotra ny sampy fahavetavetana tamin' ny tanin' ny Joda sy ny Benjamina rehetra ary tamin' ny tanàna izay azony tany amin' ny tany havoan' i Efraima, sady nanavao ny alitaran' i Jehovah izay teo anoloan' ny lavarangana fidirana amin' ny tranon' i Jehovah. **9** Ary novoriny ny Joda sy ny Benjamina rehetra sy ny vahiny teo aminy izay avy tany amin' ny Efraima sy ny Manase ary ny Simeona; fa betsaka no nanatona azy avy tamin' ny Isiraely, raha hitany fa Jehovah Andriamaniny no teo aminy. **10** Ary nivory tany Jerosalema ireo tamin' ny volana fahatelo tamin' ny taona fahadimy ambin' ny folo nanjakan' i Asa. **11** Ary androtrizay no nanaterany fanatitra ho an' i Jehovah tamin' ny babo izay nentiny, dia omby fitonjato sy ondry aman' osy fito arivo. **12** Ary nanao fanekena hitady an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, tamin' ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra izy, **13** ka na iza na iza tsy mety mitady an' i Jehovah Andriamanitry ny Isiraely, dia hatao maty, na kely na lehibe, na lahy na vavy. **14** Ary nianiana ho an' i Jehovah tamin' ny feo mahery sy ny fihobiana ary tamin' ny trompetra sy ny anjomara izy. **15** Ary ny Joda rehetra nifaly noho ny fianianana, fa efa nianiana tamin' ny fony rehetra izy sady nazoto nitady an' i Jehovah indrindra, ka dia nahita Azy; ary Jehovah dia nanome azy fiadanana tamin' ny manodidina fahizay. **16** Ary na dia Imaka, renin' i Asa mpanjaka, aza dia naetriny tsy ho andriambavy, satria efa nanao sampy ho an' ny Aseraha izy; ary Asa nikapa ny sampiny, dia nanorotoro ka nandoro azy tao amin' ny lohasahan-driaka Kidrona. **17** Fa ny fitoerana avo tsy mba noravana tamin' ny Isiraely; nefa nahitsy ny fon' i Asa tamin' ny androny rehetra. **18** Ary nampidiriny ho ao an-tranon' i Jehovah ny zavatra izay nohamasinin-drainy mbamin' izay nohamasinin' ny tenany, dia volafotsy sy volamena ary fanaka. **19** Ary tsy nisy ady intsony hatramin' ny taona fahadimy amby telo-polo nanjakan' i Asa.

16 Tamin' ny taona fahenina amby telo-polo nanjakan' i Asa dia niakatra Basa, mpanjakan' ny Isiraely, hamely ny Joda, ka nanamboatra an' i Rama izy mba tsy hisy hahazo hivoaka na hiditra ho an' i Asa, mpanjakan' ny Joda. **2** Ary Asa namoaka volafotsy sy volamena avy tamin' ny rakitry ny tranon' i Jehovah sy ny tranon' ny mpanjaka, dia nampitondra azy tany amin' i Beni-hadada, mpanjakan' i Syria, izay nitoetra tany Damaskosy, ka nanao hoe: **3** Misy fanekena amiko sy aminao, dia ilay tamin' ny raiko sy ny rainao; koa, indro, mampanatitra volafotsy sy volamena ho anao aho, ka andeha, tsoahy ny fanekenao amin' i Basa, mpanjakan' ny Isiraely, mba hialany amiko. **4** Ary Beni-hadada nanaiky ny tenin' i Asa mpanjaka ka naniraka ireo komandin' ny miaramilany hamely ny tanànan' ny Isiraely; dia nandrava an' Iona sy Dana sy Abela-maima ary ny trano fitehirizana rehetra izay teny amin' ny tanànan' ny Naftaly izy. **5** Ary nony ren' i Basa izany, dia nitsahatra tsy nanamboatra an' i Rama intsony izy, fa natsahany ny asany. **6** Ary Asa mpanjaka namory ny Joda rehetra; ary

dia nesorin' ny olona ny vato sy ny hazo tao Rama, izay naorin' i Basa, ka nentiny nanamboatra an' i Geba sy Mizpa. **7** Ary tamin' izany andro izany dia nankeo amin' i Asa, mpanjakan' ny Joda, Hanany mpahita ka nanao taminy hoe: Noho ny niankinanao tamin' ny mpanjakan' i Syria fa tsy niankina tamin' i Jehovah Andriamanitrao ianao, dia afa-nandositra ny tananao ny miaramilan' ny mpanjakan' i Syria. **8** Tsy maro be va ny Etiopiana sy ny Lobita, ary tsy maro be koa va ny kalesiny sy ny mpitaingin-tsoavaliny? Nefa noho ny niankinanao tamin' i Jehovah, dia natolony teo an-tananao ireo. **9** Fa ny mason' i Jehovah mijery eny tontolo eny eran' ny tany rehetra, mba hisehoany amankery hamonjy izay manana fo mahitsy aminy. Adala ianao tamin' izany, ka dia hisy ady hahazo anao hatramin' izao. **10** Dia tezitra tamin' ilay mpahita Asa ka nanao azy tao antrano-maizina; fa nisafoaka aminy indrindra izy noho izany. Ary ny olona sasany koa dia nampahorin' i Asa tamin' izay. **11** Ary, indro, ny tantaran' i Asa, na ny voalohany na ny farany, dia efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Joda sy ny Isiraely. **12** Tamin' ny taona fahasivy amby telo-polo nanjakan' i Asa dia narary tamin' ny tongony izy, ka nihamafy indrindra ny aretiny; nefa na dia narary aza izy, dia tsy nitady an' i Jehovah, fa ny mpanao fanafody ihany. **13** Ary Asa lasa nodi-mandry any amin' ny razany; maty izy tamin' ny taona fahiraika amby efa-polo nanjakany. **14** Dia nalevina tao amin' ny fasany ihany izy, izay nolavahany tao an-Tanànan' i Davida, ka nampandrina teo amin' ny fandriana efa nofenoina zava-manitra samy hafa voaharoharo araka ny fanaon' ny mpangaroharo zava-manitra, ary nandoroany zavatra betsaka ho fisaonana azy.

17 Ary Josafata, zanak' i Asa, no nanjaka nandimby azy, ary nitombo hery hiaro tena tamin' ny Isiraely izy. **2** Ary namponina miaramila tamin' ny tanàna mimanda rehetra eran' i Joda izy sady nametraka miaramila tany amin' ny tany Joda sy tany amin' izay tanànan' ny Efraima efa azon' i Asa rainy. **3** Ary Jehovah nomba an' i Josafata, satria nandeha tamin' ny nalehan' i Davida rainy izy, dia ilay tamin' ny voalohany, fa tsy mba nitady ireo Bala; **4** fa Jehovah, Andriamanitry ny rainy, kosa no notadiaviny, ary araka ny didiny no nalehany, fa tsy mba araka ny fanaon' ny Isiraely. **5** Koa dia nampitoerin' i Jehovah teo an-tànany ny fanjakana; ary ny Joda rehetra nitondra fanomezana ho an' i Josafata, ka dia nanana harena sy voninahitra be izy. **6** Ary ny fony nihanatoky tamin' ny lalan' i Jehovah, dia noravany tsy ho eo amin' ny Joda ny fitoerana avo sy ny Aseraha. **7** Ary tamin' ny taona fahatelo nanjakany dia naniraka ny mpanapaka izy, dia Benaila sy Obadia sy Zakaria sy Netanela ary Mikaia, hampianatra tany amin' ny tanànan' ny Joda, **8** Ary nisy Levita koa niaraka tamin' ireo, dia Semaia sy Netania sy Zebadia sy Asahela sy Semiramota sy Jonatana sy Adonia sy Tobia ary Tobadonia, Levita, mbamin' i Elisama sy Jorama, mpisorona. **9** Ary nampianatra tany Joda izy ireo, ka nentiny ny bokin' ny lalàn' i Jehovah, dia nitety ny tanànan' ny Joda rehetra izy ka nampianatra teny amin' ny olona. **10** Ary ny tahotra an' i Jehovah nahazo ny fanjakana rehetra tamin' ny tany manodidina an' i Joda, ka dia tsy nisy niady tamin' i Josafata ireo. **11** Ary ny Filistina sasany nitondra fanomezana sy vola hetra ho an' i Josafata; ary ny Arabo koa nitondra ondry aman' osy, dia ondrilahy fiton-jato amby fito arivo sy osilahy fiton-jato amby fito arivo. **12** Ary Josafata nihanahery indrindra ka nanao trano fiarovana sy tanàna fitehirizana tany Joda. **13** Ary nanana fananana betsaka tao amin' ny tanànan' ny Joda koa sy miaramila, lehilahy mahery, tany Jerosalema izy. **14** Ary izao no nandaminana azy araka ny fianakaviany avy: Ny mpifehy arivo tamin' ny Joda dia Adna komandy, ary ny fehiny dia lehilahy mahery telo hetsy; **15** ary nanarakaraka azy dia Johanana komandy, ary ny fehiny dia valo alina amby roa hetsy; **16** ary nanarakaraka azy indray dia Amasia, zanak' i Zikry, ilay nanolotena ho an' i Jehovah, ary ny fehiny dia lehilahy mahery roa hetsy. **17** Ary tamin' ny Benjamina dia Eliada, lehilahy mahery, ary ny fehiny dia lehilahy roa hetsy mitondra tsipìka sy ampinga; **18** ary nanarakaraka azy dia Jozabada, ary ny fehiny dia valo alina amby iray hetsy efa voaomana hiady. **19** Ireo no mpitoetra tamin' ny mpanjaka, afa-tsy izay nampitoerin' ny mpanjaka tany amin' ny tanàna mimanda eran' i Joda rehetra.

18 Ary Josafata nanana harena sy voninahitra be; ary ny zananilahy dia nampanambadiny ny zanakavavin' i Ahaba. **2** Koa nony ela dia nidina nankany amin' i Ahaba tany Samaria izy. Ary Ahaba namono ondry aman' osy sy omby betsaka ho azy sy ho an' ny olona nanaraka azy, dia nitaona azy hiakatra ho any Ramota-gileada. **3** Ary hoy Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely, tamin' i Josafata, mpanjakan' ny Joda: Mba hiaraka amiko ho any Ramota-gileada va ianao? Dia hoy izy taminy: Eny fa tahaka ny tenanao ihany aho, ka ny oloko dia olonao; koa hiaraka aminao ho any an-tafika izahay. **4** Ary hoy Josafata tamin' ny mpanjakan' ny Isirady; Masìna ianao, anontanio aloha ny tenin' i Jehovah. **5** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely dia nanangona ny mpaminany efajato lahy ka nanao taminy hoe: Handeha hanafika an' i Ramota-gileada va isika, sa hijanona ihany aho? Dia hoy ireo: Mandehana, fa hatolotr' Andriamanitra eo an-tananao izy, ry mpanjaka. **6** Ary hoy kosa Josafata: Moa tsy misy mpaminanin' i Jehovah koa va eto mba hanontaniantsika? **7** Dia hoy ny mpanjakan' ny Isiraely tamin' i Josafata: Mbola misy lehilahy iray ihany ahazoantsika manontany amin' i Jehovah, saingy halako izy, satria tsy mbola naminany soa ho ahy izy, fa loza ihany mandrakariva; Mitaia, zanak' i Jimla, no anarany. Dia hoy Josafata: Aza dia manao izany, ry mpanjaka. **8** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely niantso ny tandapa anankiray ka nanao taminy hoe: Alao faingana Mikaia, zanak' i Jimla. **9** Ary ny mpanjakan' ny Isiraely sy Josafata, mpanjakan' ny Joda, samy nipetraka teo amin' ny seza fiandrianany avy teo amin' ny famoloana eo anoloan' ny vavahadin' i Samaria, sady samy efa niakanjo ny akanjony avy; ary ny mpaminany rehetra naminany teo anatrehany. **10** Ary Zedekia, zanak' i Kenana, dia nanao tandroby ka nanao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Ireto no hanotoanao ny Syriana mandra-paharingany. **11** Ary ny mpaminany rehetra

naminany toy izao koa hoe: Mandehana ho any Ramota-gileada, dia hambinina ianao; fa hotolotr' i Jehovah eo antananao izy, ry mpanjaka. **12** Ary ilay iraka izay nandeha naka an' i Mikaia niteny taminy hoe: Indro, fa efa iray teny avokoa izao ny mpaminany, ka samy milaza soa ho an' ny mpanjaka: masìna ianao, aoka re ny teninao mba ho tahaka ny an' ny anankiray amin' ireo, ka mba mitenena soa koa. **13** Dia hoy Mikaia: Raha velona koa Jehovah, izay lazain' Andriamanitro ihany no hambarako. **14** Dia nankany amin' ny mpanjaka izy. Ary hoy ny mpanjaka taminy: Ry Mikaia, handeha hanafika an' i Ramota-gileada va isika, sa hijanona ihany aho? Ary izy namaly azy hoe: Mandehana, dia hambinina ianareo, fa hatolotra eo antananareo izy. **15** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Impiry no hampianianako anao mba tsy hilaza na inona na inona amiko amin' ny anaran' i Jehovah afa-tsy izay marina ihany? **16** Dia hoy Mikaia: Hitako fa indreny ny Isiraely rehetra niely teny an-tendrombohitra toy ny ondry tsy misy mpiandry, ary hoy Jehovah: Ireto efa tsy manan-tompo, ka aoka izy samy hody soa aman-tsara any an-tranony avy. **17** Dia hoy ny mpanjakan' ny Isiraely tamin' ny Josafata: Tsy efa voalazako taminao va fa tsy mba mety maminany soa ho ahy izy, fa loza ihany? **18** Ary hoy Mikaia: Henoy ary ny tenin' i Jehovah: Nahita an' i Jehovah nipetraka teo amin' ny seza fiandrianany aho, ary ireo maro be rehetra any an-danitra nitsangana teo amin' ny ankavanany sy teo amin' ny ankaviany. **19** Ary hoy Jehovah: Iza no hitaona an' i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely, handeha ho any Ramota-gileada ka ho lavo any? Ary ny anankiray niteny toy izao, ary ny anankiray kosa niteny toy izao. **20** Dia nandroso ny fanahy ka nitsangana teo anatrehan' i Jehovah ary nanao hoe: Izaho no hitaona azy. Ary hoy Jehovah taminy: Amin' inona anefa? **21** Dia hoy izy: Hivoaka aho ka ho tonga fanahy mandainga ao am-bavan' ny mpaminaniny rehetra. Dia hoy indray Jehovah: Ho voataonanao ihany izy, ka hahatanteraka ianao; mivoaka ary, ka ataovy izany. **22** Koa, indro, Jehovah efa nanisy fanahy mandainga ao ambavan' ireto mpaminaninao ireto, ary Izy koa efa nilaza ny loza hanjo anao. **23** Fa Zedekia, zanak' i Kenana, nanatona, dia namely ny takolak' i Mikaia sady nanao hoe: Taiza no lalana nialan' ny Fanahin' i Jehovah tamiko hiteny aminao? **24** Dia hoy Mitaia: Indro, ho hitanao izany amin' ny andro hidiranao ao amin' ny efi-trano anatiny hierenao. **25** Dia hoy ny mpanjakan' ny Isiraely: Raiso Mikaia, ka ento miverina izy ho any amin' i Amona, komandin' ny tanana, sy ho any amin' i Joasy, zanaky ny mpanjaka, **26** ka lazao hoe: Izao no lazain' ny mpanjaka: Ataovy ao an-trano-maizina ilehity, ka fahano mofom-pahoriana sy ranom-pahoriana izy mandra-pahatongako soa aman-tsara. **27** Fa hoy Mikaia: Raha tahìny ho tafaverina soa aman-tsara ianao, dia tsy nampitenenin' i Jehovah aho tsy akory. Ary hoy koa izy: Samia mihaino izany, ry firenena rehetra. **28** Dia niatatra nankany Ramota-gileada ny mpanjakan' ny Isiraely sy Josafata, mpanjakan' ny Joda. **29** Ary hoy ny mpanjakan' ny Isiraely tamin' i Josafata: Hody olon-kafa aho ka hitsarapaka any anatin' ny ady, fa ianao kosa dia miakanjoa ny akanjonao ihany. Dia nody olon-kafa ny mpanjakan' ny Isiraely ka nitsarapata tany anatin' ny ady. **30** Fa ny mpanjakan' i Syria efa nandidy Ireo komandin' ny kalesiny nanao hoe: Aza miady na amin' ny kely na amin' ny lehibe, afa-tsy amin' ny mpanjakan' ny Isiraely ihany. **31** Ary nony nahita an' i Josafata ireo komandin' ny kalesy, dia hoy izy: Iny mihitsy no mpanjakan' ny Isiraely. Dia nohodidininy hasiany izy, ka dia niantsoantso Josafata, ary Jehovah namonjy azy; eny, Andriamanitra nampiala ireo teo aminy; **32** ary rehefa hitan' ireo komandin' ny kalesy fa tsy ny mpanjakan' ny Isiraely izy, dia niverina niala taminy ireo. **33** Ary nisy lehilahy anankiray nandefa zana-tsipika kitoatoa ka nahavoa ny mpanjakan' ny Isiraely teo anelenalen' ny fiarovan-tratrany sy ny eo ambaniny, ka dia hoy izy tamin' ny mpampandeha ny kalesiny: Ahodino, ka ento miala eto amin' ny mpiady aho, fa voa. **34** Ary nihamafy ny ady tamin' izany andro izany; ary ny mpanjakan' ny Isiraely nihafy nitsangana teo amin' ny kalesiny tandrifin' ny Syriana mandra-paharivan' ny andro; fa nony efa hilentika ny masoandro, dia maty izy.

19 Ary Josafata, mpanjakan' ny Joda, niverina soa aman-tsara ho any an-tranony tany Jerosalema. **2** Ary nivoaka hitsena azy Jeho, zanak' i Hanany mpahita, ka nanao tamin' i Josafata mpanjaka hoe: Moa ny ratsy fanahy va no tokony hampiana, ary izay mankahala an' i Jehovah va no tokony ho tianao? Koa noho izany dia tezitra aminao Jehovah. **3** Nefa mba misy fahatsarampanahy hita ihany aminao, fa noravanao tsy ho eo amin' ny tany ny Aseraha, sady nampiomana ny fonao hitady an' Andriamanitra ianao. **4** Ary Josafata nitoetra tany Jerosalema; ary nandeha hitety ny olona indray izy hatrany Beri-sheba ka hatrany amin' ny tany havoan' i Efraima ary nampiverina ny olona ho amin' i Jehovah, Andriamanitry ny razany. **5** Ary nanendry mpitsara tamin' ny tany izy, dia tamin' ny isan-tanàna mimanda eran' i Joda, **6** ka nanao taminy hoe: Tandremo izay hataonareo; fa tsy ho an' olona no hitsaranareo, fa ho an' i Jehovah, sady momba anareo ao amin' ny fitsarana Izy. **7** Koa aoka ho ao aminareo ny tahotra an' i Jehovah; tandremo ka ataovy izany, fa tsy mba misy heloka amin' i Jehovah Andriamanitsika, na fizahan-tavan' olona, na fandraisana kolikoly. **8** Ary tany Jerosalema koa no nanendren' i Josafata ny sasany tamin' ny Levita sy ny mpisorona ary ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny Isiraely ho amin' ny fitsaran' i Jehovah sy ny adin' olona (fa efa tafaverina tany Jerosalema izy tamin' izay) **9** ka dia nandidy azy hoe: Izao no hataonareo amin' ny fahatahorana an' i Jehovah sy amin' ny fahamarinana ary amin' ny fo mahitsy: **10** Na inona na inona no ady avy amin' ny rahalahinareo izay monina amin' ny tanànany, na ny amin' ny mahafaty aina, na ny amin' ny hevitry ny lalàna sy ny didy ary ny fitsipika samy hafa, dia anaro izy mba tsy ho meloka amin' i Jehovah, fandrao iharan' ny fahatezerana ianareo sy ny rahalahinareo; izany no ataovy, dia tsy ho meloka ianareo. **11** Ary, indro, Amaria mpisoronabe no ho lehibenareo amin' ny raharahan' i Jehovah rehetra; ary Zebadia, zanak' Isimaela, mpanapaka ny taranak' i Joda, ho lehibenareo amin' ny raharahan' ny mpanjaka rehetra

kosa; ary ny Levita ho mpifehy hanampy anareo. Mahereza, ka mahefà; ary Jehovah anie homba izay tsara.

20 Ary nony afaka izany, dia avy hiady tamin' i Josafata ny taranak' i Moaba sy ny taranak' i Amona mbamin' ny any ankoatry ny Amonita. **2** Ary nisy tonga ka nanambara tamin' i Josafata hoe: Indreo, misy olona betsaka avy any an-dafin' ny ranomasina, dia avy any Syria, ho avy hiady aminao; ary indreo izy ao Hazezon-tamara (Enjedy izany). **3** Dia natahotra Josafata ka nanatrika tsara hitady an' i Jehovah sady niantso andro fifadian-kanina ho an' ny tanin' ny Joda rehetra. **4** Dia niangona ny Joda hangataka famonjena amin' i Jehovah; eny, avy tamin' ny tanànan' ny Joda rehetra hitady an' i Jehovah izy. **5** Ary Josafata nitsangana teo amin' ny fiangonan' ny Joda sy Jerosalema, Tao amin' ny tranon' i Jehovah, teo anoloan' ny kianja vaovao, **6** ka nanao hoe: Ry Jehovah ô, Andriamanitry ny razanay, tsy Hianao va no Andriamanitra any an-danitra? Eny, Hianao no manapaka amin' ny fanjakan' ny jentilisa rehetra, ary eo an-tananao ny hery sy ny fahefana, ka tsy misy mahasakana Anao. **7** Ry Andriamanitray ô, tsy Hianao va no nandroaka ny mponina tamin' ity tany ity hiala teo anoloan' ny Isiraely olonao ka nanome azy mandrakizay ho an' ny taranak' i Abrahama sakaizanao? **8** Ary nonina tatỳ izy ka nanao fitoerana masìna teto ho an' ny anaranao sady nanao hoe: **9** Raha manjo anay ny loza, na sabatra, na famaliana, na areti-mandringana, na mosary, ary hitsangana manatrika ity trano ity sy eto anatrehanao izahay (fa ny anaranao no amin' ity trano ity) ka hitaraina aminao amin' ny fahorianay, dia hihaino Hianao ka hamonjy. **10** Koa indreo ny taranak' i Amona sy Moaba ary ny avy any an-tendrombohitra, Seïra, dia ilay tsy navelanao hotafihin' ny Isiraely, fony izy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, ka nivily fa tsy nandringana azy; **11** nefa indreo izy mamaly ratsy anay ka avy handroaka anay amin' ny lova nomenao anay. **12** Ry Andriamanitray ô, tsy hitsara azy va Hianao? Fa izahay dia tsy manan-kery hanohitra ireo olona betsaka ireo, izay avy hamely anay, koa tsy hitanay izay hataonay; fa Hianao no andrandrain' ny masonay. **13** Ary ny Joda rehetra mbamin' ny vadiny aman-janany koa dia samy nitsangana teo anatrehan' i Jehovah. **14** Ary Jahaziela, zanak' i Zakaria, zanak' i Benaia, zanak' i Jeiela, zanak' i Matania, Levita amin' ny taranak' i Asafa, dia voatsindrin' ny Fanahin' i Jehovah teo amin' ny fiangonana **15** ka nanao hoe: Mihainoa ianareo, ry Joda rehetra sy ry mponina any Jerosalema, ary ianao, ry Josafata mpanjaka: Izao no lazain' i Jehovah aminareo: Aza matahotra na mivadi-po ny amin' ireo olona betsaka ireo, fa tsy anareo ny ady, fa an' Andriamanitra. **16** Rahampitso dia midìna hiady aminy ianareo; fa, indreo, hiakatra amin' ny fiakarana Ziza izy; ary ianareo hahita azy eo amin' ny faran' ny lohasahan-driaka tandrifin' ny efitr' i Jeroela. **17** Tsy ianareo anefa no hiady amin' ity; mijanòna tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen' i Jehovah anareo, ry Joda sy Jerosalema. Aza matahotra na mivadi-po, fa rahampitso dia mivoaha hiady aminy; fa Jehovah no momba anareo. **18** Dia niankohoka tamin' ny tany Josafata; ary ny Joda sy ny mponina rehetra tany Jerosalema niankohoka teo anatrehan' i Jehovah koa ka nivavaka. **19** Dia nitsangana ny Levita, taranaky ny Kehatita sy taranaky ny Koraïta, mba hidera an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, tamin' ny feo mahery indrindra. **20** Ary nifoha maraina koa izy, dia niainga nankany an-efitr' i Tekoa; ary nony nivoaka izy, dia nitsangana teo Josafata ka nanao hoe: Mihainoa ahy, ry Joda, sy ianareo, ry mponina eto Jerosalema: Minoa an' i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra ianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo. **21** Ary rehefa niara-nihevitra tamin' ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an' i Jehovah hidera amin' ny fihaingoana masìna, raha mivoaka eo anoloan' ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hoe: Miderà an' i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony. **22** Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian' i Jehovah otrika hamely ny taranak' i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seïra, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo. **23** Dia nitsangana ny taranak' i Amona sy Moaba namely ny avy any an-tendrombohitra Seïra ka namono sy nandringana azy; ary nony voaringany ny mponina tany Seïra, dia nifandringana kosa izy samy izy ihany. **24** Ary nony tonga teo amin' ilay fitazanana any an-efitra ny Joda, dia nijery ireo olona betsaka ireo izy, koa, indreo, nisy faty niampatrampatra tamin' ny tany, fa tsy nisy afa-nandositra. **25** Ary avy hamabo azy Josafata sy ny vahoakany, dia nahita harena betsaka sy faty ary fanaka sarobidy teo izy, ka dia namabo mihoatra noho izay zakany ho entina; ary hateloana no nanangonany ny babo, fa be dia be ireny. **26** Ary tamin' ny andro fahefatra dia nivory tao amin' ny lohasaha Beraka izy, fa tany no nisaorany an' i Jehovah; koa izany no nanaovany izany tany izany hoe Lohasaha Beraka mandraka androany. **27** Koa dia niverina ny lehilahy rehetra amin' ny Joda sy Jerosalema, ary Josafata nitarika azy hankany Jerosalema indray tamin' ny fifaliana, fa Jehovah nampifaly azy ny amin' ny fahavalony. **28** Ary tonga tany Jerosalema izy nitondra valiha sy lokanga ary trompetra ka nankao an-tranon' i Jehovah. **29** Ary ny fahatahorana an' Andriamanitra nahazo ny fanjakana rehetra manodidina, nony efa reny fa Jehovah no niady tamin' ny fahavalon' ny Isiraely. **30** Ary nandry fahizay ny fanjakan' i Josafata; fa nomen' Andriamaniny fiadanana tamin' ny manodidina izy. **31** Ary Josafata nanjaka tamin' ny Joda; dimy amby telo-polo taona izy, fony vao nanjaka, ary dimy amby roa-polo taona no nanjakany tany Jerosalema, Ary ny anaran-dreniny dia Azoba, zanakavavin' i Sily. **32** Ary nandeha tamin' ny lalana nalehan' i Asa rainy izy ka tsy niala tamin' izany, fa nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah. **33** Kanefa ny fitoerana avo tsy mba noravana; fa ny olona tsy mbola nampiomana ny fony hitady an' Andriamanitry ny razany. **34** Ary ny tantaran' i Josafata sisa, na ny voalohany na ny farany, indro, efa voasoratra ao amin' ny tenin' i Jeho, zanak' i Hanany, izay nakambana ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Isiraely, izany. **35** Nefa nony afaka izany, Josafata, mpanjakan' ny Joda, nikambana tamin' i Ahazia, mpanjakan' ny Isiraely, izay nanao ratsy; **36** ary nikambana taminy hanao sambo hankany Tarsisy izy, ka tao Ezion-gebera no nanaovany azy. **37** Ary Eliezera,

zanak' i Dodavaho, avy any Maresa, naminany ny amin' i Josafata hoe: Noho ny nikambananao tamin' i Ahazia dia horavan' i Jehovah ny asanao. Ary nahavakiana ny sambo ka tsy nahazo nankany Tarsisy.

21 Ary Josafata lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny razany tao an-Tanànan' i Davida izy; ary Jehorama zanany no nanjaka nandimby azy. **2** Ary nanan-drahalahy, zanak' i Josafata, koa izy, dia Azaria sy Jehiela sy Zakaria sy Azaria sy Mikaela ary Sefatia; ireo rehetra ireo no zanak' i Josafata, mpanjakan' ny Isiraely. **3** Ary nomen-drainy harena betsaka ireo, dia volafotsy sy volamena ary zava-tsoa mbamin' ny tanàna sasany mimanda tany Joda; fa ny fanjakana kosa dia nomeny an' i Jehorama, satria izy no lahimatoa. **4** Ary raha vao nanjaka tamin' ny fanjakan' ny rainy Jehorama, dia nitombo hery izy ka namono ny rahalahiny rehetra mbamin' ny mpanapaka sasany tamin' ny Isiraely koa tamin' ny sabatra. **5** Roa amby telo-polo taona Jehorama, fony izy vao nanjaka, ary valo taona no nanjakany tany Jerosalema. **6** Ary nandeha tamin' ny lalan' ny mpanjakan' ny Isiraely izy, dia tahaka ny nataon' ny taranak' i Ahaba fa zanakavavin' i Ahaba no vadiny, eny, nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy. **7** Nefa Jehovah tsy nety nandringana ny taranak' i Davida noho ny fanekena nataony tamin' i Davida sy ny nilazany fa homeny jiro mandrakizay izy mbamin' ny taranany. **8** Tamin' ny andron' i Jehorama no niodinan' ny Edomita ka tsy nanoa ny Joda, fa nanangana mpanjaka ho azy izy. **9** Ka dia nivoaka Jehorama sy ireo mpanjaka nitondra ny kalesiny rehetra; ary nanaovany latsak' alina ny Edomita izay nanodidina azy sy ny komandin' ny kalesy. **10** Nefa ny Edomita mbola niodina ka tsy nanoa ny Joda ihany ambaraka androany. Ary tamin' izany andro izany Libna koa niodina tsy nety nanoa an' i Jehorama, satria efa nahafoy an' i Jehovah, Andriamanitra ny razany, izy. **11** Ary nanao fitoerana avo teny an-tendrombohitr' i Joda koa izy sady nampijangajanga ny mponina tany Jerosalema ary nitaona ny Joda mangingina hanao izany. **12** Ary nisy taratasy avy tamin' i Elia mpaminany tonga tao aminy nanao hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitr' i Davida rainao: Noho ny tsy nandehananao tamin' ny lalan' i Josafata rainao, na ny lalan' i Asa, mpanjakan' ny Joda, **13** fa nandeha tamin' ny lalan' ny mpanjakan' ny Isiraely kosa ianao ka nampijangajanga ny Joda sy ny mponina any Jerosalema toy ny fijangajangan' ny taranak' i Ahaba, sady novonoinao koa ny rahalahinao nateraky ny rainao, izay tsara noho ianao, **14** dia, indro, hasian' i Jehovah areti-mandringana ny vahoakanao sy ny zanakao sy ireo vadinao mbamin' ny biby fiompinao rehetra; **15** ary ianao koa ho azon' ny aretina mafy, dia aretina amin' ny tsinainao, mandra-pialàlan' ny tsinainao isan' andro isan' andro noho ny aretina. **16** Ary Jehovah namporisika ny Filistina sy ny Arabo izay ao akaikin' ny Etiopiana hamely an' i Jehorama; **17** ary niakatra tany Joda ireo ka nisesika tao, dia nobaboiny ny fananana rehetra izay an' ny ankohonan' ny mpanjaka mbamin' ny zanany sy ny vadiny koa, ka tsy nisy zanany intsony, afa-tsy Joahaza faralahiny ihany. **18** Ary nony afaka izany rehetra izany, dia nasian' i Jehovah aretina tsy azo sitranina tamin' ny tsinainy izy. **19** Ary rehefa ela, nony afaka roa taona, dia nialàla ny tsinainy azon' ny aretiny; ka dia maty tamin' ny fangirifiriana mafy izy. Ary ny vahoakany tsy mba nandoro zavatra ho fisaonana azy toy ny nataony tamin' ny razany. **20** Roa amby telo-polo taona izy, fony vao nanjaka, ary valo taona no nanjakany tany Jerosalema; koa lasa tsy nisy nalahelo azy izy. Ary nalevina tao an-Tanànan' i Davida ihany izy, nefa tsy mba tao amin' ny fasan' ny mpanjaka.

22 Ary ny mponina tany Jerosalema nampanjaka an' i Ahazia, faralahin' i Jehorama, handimby azy; fa ny zokiny rehetra efa matin' ny mpitoha ady izay nanaraka ny Arabo hatrany an-toby avokoa. Koa Ahazia, zanak' i Jehorama, mpanjakan' ny Joda, no nanjaka. **2** Roa amby efa-polo taona Ahazia, fony izy vao nanjaka, ary herintaona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Atalia, zanak' i Omry. **3** Nandeha tamin' ny lalan' ny taranak' i Ahaba koa izy; fa ny reniny no nanome saina azy hanao ratsy. **4** Ka dia nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah toy ny taranak' i Ahaba izy; fa ireny no nanome saina azy taorian' ny nahafatesan' ny rainy ka nampidi-doza taminy. **5** Ary ny saina nomen' ireo azy no narahiny, ka niara-nandeha tamin' i Jorama, zanak' i Ahaba, mpanjakan' ny Isiraely, izy hiady tamin' i Hazaela, mpanjakan' i Syria, teo Ramota-gileada; ary ny Syriana nahavoa an' i Jorama. **6** Dia niverina mba hotsaboina tao Jezirela izy amin' ny feriny tamin' ny nahavoazana azy tao Rama, fony izy niady tamin' i Hazaela, mpanjakan' i Syria. Ary Azaria, zanak' i Jehorama, mpanjakan' ny Joda, nidina mba hamangy an' i Jorama, zanak' i Ahaba, tao Jezirela, satria marary izy. **7** Ary avy tamin' Andriamanitra ny loza nanjo an' i Ahazia tamin' ny nankanesany tany amin' i Jorama, fa nony tonga izy, dia niara-nivoaka tamin' i Jorama mba hitsena an' i Jeho, zanak' i Nimsy, izay nohosoran' i Jehovah handringana ny taranak' i Ahaba. **8** Ary tamin' ny namalian' i Jeho ny taranak' i Ahaba dia hitany ireo mpanapaka ny Joda sy ny zana-drahalahin' i Ahazia, izay nanompo an' i Ahazia, ka novonoiny. **9** Ary nitady an' i Ahazia koa izy; koa nisy nahita azy, raha mbola niery tany Samaria izy, dia nitondra azy ho any amin' i Jeho, ary namono azy ny olona ka nandevina azy; fa hoy ireo: Zanak' i Josafata, ilay nitady an' i Jehovah tamin' ny fony rehetra, ity. Ka dia tsy nahatana ny fanjakana ny terak' i Ahazia. **10** Ary nony hitan' i Atalia, renin' i Ahazia, fa maty ny zanany, dia nitsangana izy ka nandringana ny zanak' andriana rehetra tamin' ny taranak' i Joda. **11** Fa Joseba, zanakavavin' ny mpanjaka, dia naka an' i Joasy, zanak' i Ahazia, ka namonjy azy avy teo amin' ny zanaky ny mpanjaka izay novonoina, dia nampiditra azy sy ny mpitaiza azy ho ao an-trano fitehirizam-pandriana. Ary nafenin' i Joseba, zanakavavin' i Jehorama mpanjaka, vadin' i Joiada mpisorona, izy (fa anabavin' i Ahazia ravehivavy) mba tsy ho hitan' i Atalia, ka dia tsy mba voavonony izy. **12** Ary niery enin-taona tao aminy tao an-tranon' Andriamanitra izy. Ary Atalia no nanjaka tamin' ny tany

23 Ary tamin' ny taona fahafito Joiada nitombo hery ka nanao fanekena tamin' ny mpifehy zato, dia Azaria, zanak' i Jerohama, sy Isimaela, zanak' i Johanana, sy Azaria, zanak' i Obeda, sy Mahaseia, zanak' i Adaia, ary Elisafata, zanak' i Zikry. **2** Ary nitety an' i Joda Ireo ka namory ny Levita avy tany amin' ny tanànan' ny Joda rehetra sy ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny Isiraely, dia tonga tany Jerosalema ireo. **3** Ary ny olona rehetra vory tao dia nanao fanekena tamin' ny mpanjaka tao an-tranon' Andriamanitra. Ary hoy Joiada taminy: Indro, ny zanaky ny mpanjaka no hanjaka araka ny efa nolazain' i Jehovah ny amin' ny taranak' i Davida. **4** Izao no hataonareo: ny ampahatelonareo izay milatsaka amin' ny Sabata, dia ny mpisorona sy ny Levita, ho mpiandry varavarana; **5** ary ny ampahatelonareo ho ao an-tranon' ny mpanjaka; ary ny ampahatelonareo ho eo amin' ny vavahadin' ny fanorenana; ary ny vahoaka rehetra kosa dia ho eo amin' ny kianjan' ny tranon' i Jehovah. **6** Fa aza avela hisy hiditra ao an-tranon' i Jehovah afa-tsy ny mpisorona sy ny Levita izay manao fanompoam-pivavahana ihany; ireo ihany no hiditra, satria masìna ireo; fa ny vahoaka rehetra kosa dia hitandrina izay nasain' i Jehovah hotandremana. **7** Ary ny Levita hanemitra manodidina ny mpanjaka, samy mitana ny fiadiany avy; ka na iza na iza miditra ao an-trano dia Vonoy, ary arahonareo ny mpanjaka, na miditra na mivoaka izy. **8** Ary ny Levita sy ny Joda rehetra dia nanao araka izay rehetra nandidian' i Joiada mpisorona azy, ka samy nitondra ny olom-peheziny izay nilatsaka tamin' ny Sabata sy izay niala tamin' ny Sabata izy; fa Joiada mpisorona tsy nandrava ny antokony. **9** Ary nomen' i Joiada mpisorona ho an' ny mpifehy zato ny lefona sy ny ampinga kely sy ny ampinga lehibe, izay an' i Davida mpanjaka ka tao an-tranon' Andriamanitra. **10** Ary ny vahoaka rehetra dia nalahany, samy nitana ny fiadiany avy hanodidina ny mpanjaka hatramin' ny lafiny ankavavan' ny trano ka hatramin' ny lafiny ankavia, hatramin' ny alitara ka hatramin' ny trano. **11** Dia nentiny nivoaka ny zanakalahin' ny mpanjaka ka nampisatrohiny ny satro-boninahitra, sady notolorany ny teni-vavolombelona, ka dia nampanjakainy. Ary Joiada sy ny zanany nanosotra azy ka niantso hoe: Ho ela velona anie ny mpanjaka! **12** Ary nony ren' i Atalia ny tabataban' ny vahoaka nifamoivoy sy niarahaba ny mpanjaka, dia mba nankao amin' ny vahoaka tao an-tranon' i Jehovah koa izy. **13** Ary hitany fa, indro, ny mpanjaka nitsangana teo amin' ny fitoeran' andriana teo amin' ny fidirana, ary ny mpanapaka sy ny mpitsoka ny trompetra dia teo anilan' ny mpanjaka; ary ny vahoaka rehetra dia nifaly sady nitsoka ny trompetra ary ny mpihira amin' ny zava-maneno isan-karazany no nitarika ny hira fiderana. Dia nandriatra ny fitafiany Atalia ka niantso hoe: Fikomiana! fikomiana! **14** Fa nasain' i Joiada navoaky ny kapiteny! mpifehy ny miaramila, izy, ka hoy izy tamin' ireo: Avoahy eny ivelan' ny filaharana izy, ary izay manaraka azy dia vonoy amin' ny sabatra. Fa ny mpisorona efa nandrara hoe: Aza vonoina eto an-tranon' i Jehovah izy. **15** Ary ny olona nisava teo an-daniny roa, dia nankamin' ny fidirana amin' ny vavahadin-tsoavaly ravehivavy ka niditra tao an-tranon' ny mpanjaka; dia novonoiny teo izy. **16** Ary Joiada nampanao fanekena ny vahoaka rehetra sy ny mpanjaka mbamin' ny tenany mba ho olon' i Jehovah. **17** Ary ny vahoaka vehetra niditra tao an-tranon' i Bala ka nandrava azy; ny alitara sy ny endri-javatra dia notorotoroiny avokoa, ary Matana, mpisoron' i Bala, novonoiny teo anoloan' ny alitara. **18** Ary Joiada nanendry olona hitandrina ny tranon' i Jehovah hofehezin' ny Levita mpisorona izay nozarazarain' i Davida ho ao an-tranon' i Jehovah, hanatitra ny fanatitra dorana ho an' i Jehovah, araka ny voasoratra ao amin' ny lalàn' i Mosesy, amin' ny fifaliana sy ny fihirana, dia araka ny nasain' i Davida natao. **19** Ary nalatsany teo am-bavahadin' ny tranon' i Jehovah ny mpiandry varavarana mba tsy hisy zavatra maloto na inona na inona ho tafiditra ao. **20** Dia nalainy ny mpifehy zato sy ny olona manan-kaja sy ny mpanapaka ny olona ary ny vahoaka rehetra; ary dia nentiny nidina avy tao an-tranon' i Jehovah ny mpanjaka, ka ny vavahady ambony no nalehany hankao an-tranon' ny mpanjaka; ary nametraka ny mpanjaka teo amin' ny seza fiandrianan' ny fanjakana izy. **21** Dia nifaly ny vahoaka rehetra; ary nandry fahizay ny tanana, fa Atalia efa novonoiny tamin' ny sabatra.

24 Fito taona no niainan' i Joasy, fony izy vao nanjaka, efa efa-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Zibia, avy any Beri-sheba. **2** Ary Joasy nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah tamin' ny andro rehetra niainan' i Joiada mpisorona. **3** Ary nangalan' i Joiada vady roa Joasy, dia niteraka zazalahy sy zazavavy izy. **4** Ary nony afaka izany, dia mby ao ampon i Joasy ny hanamboatra ny tranon' i Jehovah. **5** Dia namory ny mpisorona sy ny Levita izy ka nanao taminy hoe: Mandehana ho any amin' ny tanànan' ny Joda, ka mamoria vola isan-taona amin' ny Isiraely rehetra hanamboarana ny tranon' Andriamanitrareo; ary hafainganonareo ny raharaha. Nefa ny Levita tsy nanafaingana izany. **6** Ary ny mpanjaka dia nampaka an' i Joiada, lohany tamin' ireo, ka nanao taminy hoe: Nahoana no tsy nasainao nitondra ny hetra avy tany Joda sy Jerosalema ny Levita, araka ny didin' i Mosesy, mpanompon' i Jehovah sy ny fiangonan' ny Isiraely ho ao amin' ny tabernakelin' ny vavolombelona? **7** Fa ny zanak' i Atalia, ilay vehivavy ratsy fanahy, efa nandrava ny tranon' Andriamanitra; ary ny zavatra masìna rehetra tao an-tranon' i Jehovah koa dia efa nateriny ho an' ireo Bala. **8** Ary nasain' ny mpanjaka nanao vata anankiray izy, dia napetrany teo ivelan' ny vavahadin' ny tranon' i Jehovah izany. **9** Ary nandefa teny eran' i Joda sy Jerosalema izy mba haterina ho an' i Jehovah ny hetra izay nasain' i Mosesy, mpanompon' Andriamanitra, haloan' ny Isiraely, fony izy tany an-efitra. **10** Dia faly ny mpanapaka rehetra sy ny vahoaka rehetra, ka dia nitondra izany ary nandatsaka azy tao amin' ny vata ambara-pahatapiny. **11** Ary tamin' izay andro nitondran' ny Levita ny vata ho any amin' ny toniany voatendrin' ny mpanjaka, raha hitany fa be ny vola, dia avy ny mpanoratry ny mpanjaka sy ny toniany voatendrin' ny mpisoronabe ka nanaisotra izay rehetra tao amin' ny vata, dia nitondra ny vata niverina ho eo amin' ny

fitoerany indray. Toy izany no nataony mandrakariva, ka nahavory vola betsaka izy. **12** Ary nomen' ny mpanjaka sy Joiada ho an' izay nanao ny raharahan' ny tranon' i Jehovah ny vola, ka nanakaraman' ireo mpipai-bato sy mpandrafitra ary mpanefy vy sy varahina mba hanamboatra ny tranon' i Jehovah. **13** Dia nanao ny mpiasa, ka vita tsara ny asa; ary namboariny ho toy ny teo aloha ny tranon' Andriamanitra ka nataony mafy. **14** Ary nony vitany izany, dia nentiny teo anatrehan' ny mpanjaka sy Joiada ny vola sisa ka nanaovany fanaka ho an' ny tranon' i Jehovah, dia fanaka ho enti-manao fanompoam-pivavahana sy manatitra fanatitra ary lovia kely sy fanaka volamena sy volafotsy. Ary nanatitra fanatitra dorana tao an-tranon' i Jehovah mandrakariva izy tamin' ny andron' i Joiada rehetra. **15** Fa tratrantitra sy ela niainana Joiada vao maty: telo-polo amby zato taona izy vao maty. **16** Ary nalevina tao an-Tanànan' i Davida tao amin' ny mpanjaka izy, satria nanao soa teo amin' ny Isiraely ary tamin' Andriamanitra sy ny tranony koa. **17** Ary rehefa maty Joiada, dia avy Ireo mpanapaka ny Joda ka niankohoka teo anatrehan' ny mpanjaka. Dia nihaino azy ny mpanjaka. **18** Ary nandao ny tranon' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, ireo ka nanompo ny Aseraha sy ny sampy dia nisy fahatezerana nihatra tamin' ny Joda sy Jerosalema noho ny fahadisoany. **19** Ary naniraka mpaminany tany aminy Izy hampiverina azy amin' i Jehovah; dia nananatra azy mafy ireo, nefa tsy nety nihaino izy. **20** Ary Zakaria, zanak' i Joiada mpisorona, notsindrian' ny Fanahin' Andriamanitra, dia nitsangana teo amin' ny avoavo teo anatrehan' ny vahoaka izy ka nanao taminy hoe: Izao no lazain' Andriamanitra: Nahoana ianareo no mandika ny didin' i Jehovah ka tsy mahita fanambinana? Satria efa nahafoy an' i Jehovah ianareo, dia nahafoy anareo kosa Izy. **21** Dia nanao teti-dratsy ireo ka nitorabato azy teo amin' ny kianjan' ny tranon' i Jehovah araka ny tenin' ny mpanjaka. **22** Toy izany no tsy nahatsiarovan' i Joasy mpanjaka ny soa nataon' i Joiada rainy taminy, fa namono ny zanany izy. Ary nony efa ho faty Zakaria, dia niteny hoe: Jehovah anie hijery sy hamaly izao. **23** Ary nony efa niherina ny taona, dia avy ny miaramilan' i Syria hiady taminy; ary tonga tany Joda sy Jerosalema izy, ka matiny avokoa ny mpanapaka rehetra tao amin' ny olona, ary nampitondrainy ho any amin' ny mpanjakan' i Damaskosy ny babo rehetra. **24** Fa vitsy ny miaramilan' ny Syriana izay tonga teo, nefa Jehovah nanolotra miaramila maro ho eo an-tànany noho ny nahafoizany an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany. Toy izany no nahatanterahan' ireo ny famaliana an' i Joasy. **25** Ary nony nilaozany tamin' ny fahamariany mafy izy, ny mpanompony dia niodina taminy noho ny ran' ny zanak' i Joiada mpisorona, ka namono azy teo am-pandriany, dia maty izy; ary naleviny tany an-Tanànan' i Davida ihany izy, nefa tsy tao amin' ny fasan' ny mpanjaka. **26** Ary izao no niodina taminy: Zabada, zanak' i Simata Amonita, sy Jozabada, zanak' i Simrita Moabita. **27** Ary ny amin' ny zanany sy ny hamafin' ny faminaniana nilaza ny loza hanjo azy ary ny nanamboarany ny tranon' Andriamanitra, indro, efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjaka izany. Ary Amazia zanany no nanjaka nandimby azy.

25 Dimy amby roa-polo taona Amazia, fony izy vao nanjaka, ary sivy amby roa-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Joadana, avy any Jerosalema. **2** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy, nefa tsy dia tamin' ny fony rehetra. **3** Ary nony tafapetraka tsara tamin' ny fanjakany izy, dia novonoiny ireo mpanompony izay namono ny mpanjaka rainy. **4** Nefa ny zanak' ireo namono dia tsy mba novonoiny, fa nataony araka izay voasoratra ao amin' ny bokin' ny lalàna, dia ao amin' ny bokin' i Mosesy, izay nandidian' i Jehovah hoe: Ny ray tsy hatao maty amin' ny ataon' ny zanany, ary ny zanaka tsy hatao maty amin' ny ataon' ny rainy, fa samy ho faty amin' ny fahotany avy ny olona. **5** Ary novorin' i Amazia ny Joda, ka nalahany araka ny fianakaviany avy, dia araka ny mpifehy arivo sy ny mpifehy zato avy amin' ny Joda sy ny Benjamina rehetra: dia nisainy ny hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, ka olona telo hetsy voafantina no hitany, izay azo nalefa hanafika sady nahatan-defona sy ampinga lehibe. **6** Ary nisy lehilahy mahery iray hetsy tamin' ny Isiraely nokaramainy talenta volafotsy zato. **7** Nefa nisy lehilahin' Andriamanitra tonga tao aminy ka nanao hoe: Ry mpanjaka, aza avela hanaraka anao ny miaramilan' ny Isiraely; fa tsy omban' i Jehovah ny Isiraely, dia ny taranak' i Efraima rehetra. **8** Fa mandehana ihany ianao, ka manaova, ary mahereza amin' ny ady; fa hataon' Andriamanitra lavo eo anoloan' ny fahavalo ianao; fa Andriamanitra no mahay mamonjy sy mampahalavo. **9** Fa hoy Amazia tamin' ilay lehilahin' Andriamanitra: Ka hataontsika ahoana ny amin' ny talenta zato nomeko ny miaramilan' ny Isiraely? Asy hoy ilay lehilahin' Andriamanitra taminy: Jehovah mahay manome anao mihoatra lavitra noho izany. **10** Dia navahan' i Amazia ireo miaramila tonga tao aminy avy tamin' ny Efraima ireo mba hody indray; ary nirehitra mafy ny fahatezeran' ireo tamin' ny Joda, dia lasa nody izy sady tezitra indrindra. **11** Ary Amazia nitombo hery, dia nitarika ny vahoakany ka nankany amin' ny Lohasahan-tsira, ary nahafaty iray alina tamin' ny taranak' i Seïra izy. **12** Ary ny iray alina sisa nataon' ny taranak' i Joda sambo-belona, dia nentiny teo an-tampon' ny hantsam-bato ary navariny teo, ka montsamontsana izy rehetra. **13** Fa ireo miaramila izay nampodin' i Amazia tsy hiara-manafika aminy dia nihahakahaka teny an-tanànan' ny Joda hatrany Samaria ka hatrany Beti-horona ka nahafaty olona telo arivo tany sady nahazo babo betsaka. **14** Ary Amazia, nony niverina avy nanafika ny Edomita, dia nitondra ny andriamanitry ny taranak' i Seïra ka nanangana azy ho andriamaniny; ary niankohoka teo anatrehany izy sady nandoro ditin-kazo manitra ho azy. **15** Dia nirehitra tamin' Amazia ny fahatezeran' i Jehovah, ka naniraka mpaminany anankiray ho any aminy Izy hanontany azy, hoe: Nahoana ianao no mitady ny andriamanitry ny firenena, izay tsy naharo ny olony tamin' ny tananao aza? **16** Ary raha niteny taminy izy, dia novaliany hoe: Moa voatendrinay ho mpanolotsaina ny mpanjaka va Hianao? Aoka itsy ange, fandrao

asian' ny olona ianao. Dia nitsahatra ilay mpaminany ka nanao hoe: Fantatro fa Andriamanitra mikasa hahafaty anao satria nanao izany ianao ka tsy nihaino ny anatro. **17** Ary Amazia, mpanjakan' ny Joda, naka hevitra, dia naniraka tany amin' i Joasy, zanak' i Joahaza, zanak' i Jeho, mpanjakan' ny Isiraely, izy hanao hoe: Avia, aoka isika hihaona. **18** Fa Joasy, mpanjakan' ny Isiraely, naniraka tany amin' i Amazia, mpanjakan' ny Joda, nanao hoe: Ny tsilo izay tany Libanona naniraka tamin' ny hazo sedera izay tany Libanona nanao hoe: Omeo ny zanakolahy ny zanakaovavy ho vadiny; dia namaky teo ny bibi-dia tany Libanona ka nanosihosy ny tsilo. **19** Lazainao fa namely an' i Edoma ianao, ka dia nanesika anao hirehareha ny fonao; mitoera ihany ange ao an-tranonao, fa nahoana no hihaika ny loza hahalavo ny tenanao mbamin' ny Joda koa ianao? **20** Fa tsy nanaiky Amazia, satria avy tamin' Andriamanitra izany, mba hanolorany azy ho eo an-tànan' ny fahavalony noho ny nitadiavany ny andriamanitry ny Edomita. **21** Ka dia niakatra Joasy, mpanjakan' ny Isiraely; ary izy sy Amazia, mpanjakan' ny Joda, nihaona tany Beti-semesy izay an' i Joda. **22** Dia resy teo anoloan' ny Isiraely ny Joda, ka samy nandositra ho any amin' ny lainy avy izy. **23** Ary Amazia, mpanjakan' ny Joda, zanak' Joasy, zanak' i Joahaza, dia nosamborin' i Joasy, mpanjakan' ny Isiraely, tany Beti-semesy ka nentiny nankany Jerosalema; ary nandravan' i Joasy efa-jato hakiho ny mandan' i Jerosalema hatramin' ny vavahadin' i Efraima ka hatramin' ny vavahady an-jorony. **24** Ary nalainy avokoa ny volamena sy ny volafotsy rehetra ary ny fanaka rehetra izay hita tao an-tranon' Andriamanitra tao amin' i Obed-edoma sy tamin' ny rakitry ny tranon' ny mpanjaka mbamin' ny olona natao antoka koa, ka dia niverina ho any Samaria izy. **25** Ary ny andro niainan' i Amazia zanak' i Joasy, mpanjakan' ny Joda, taorian' ny nahafatesan' i Joasy, zanak' i Joahaza, mpanjakan' ny Isiraely, dia dimy ambin' ny folo taona. **26** Ary ny tantaran' i Amazia sisa, na ny voalohany na ny farany, indro, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Joda sy ny Isiraely va izany? **27** Ary hatramin' ny andro nihemoran' i Amazia tsy nanaraka an' i Jehovah dia niodina taminy tany Jerosalema ny olona, ka dia nandositra nankany Lakisy izy; fa naniraka nanaraka azy tany ny olona ka namono azy tany. **28** Ary nasampiny tamin' ny soavaly ny fatiny, dia naleviny tao amin' ny razany tao an-tanànan' ny Joda.

26 Ary ny vahoaka rehetra tamin' ny Joda naka an' i Ozia, izay enina ambin' ny folo taona, ka nampanjaka azy handimby an' i Amazia rainy. **2** Izy no nanamboatra an' i Elota ka nampody azy ho an' ny Joda indray, rehefa lasa nodimandry any amin' ny razany ny mpanajaka. **3** Enina ambin' ny folo taona Ozia, fony izy vao nanjaka, ary roa amby dimam-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Jekolia, avy any Jerosalema. **4** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy, tahaka izay rehetra nataon' i Amazia rainy. **5** Ary nitady an' Andriamanitra izy tamin' ny andron' i Zakaria, izay nahafantatra ny fahitana an' Andriamanitra; ary tamin' ny andro nitadiavany an' i Jehovah dia nambinin' Andriamanitra izy. **6** Ary nivoaka izy ka niady tamin' ny Filistina, dia nandrava ny mandan' i Gata sy ny an' i Jabne sy ny an' i Asdoda ary nanao tanàna tany Asdoda sy tany amin' ny Filistina. **7** Ary Andriamanitra nanampy azy hamely ny Filistina sy ny Arabo izay nonina tao Gorabala ary ny Meonita. **8** Ary ny Amonita nandoa hetra ho an' i Ozia; dia niely ny lazany hatrany akaikin' i Egypta, fa tonga mahery indrindra izy. **9** Ary Ozia nanao tilikambo tany Jerosalema, teo amin' ny vavahady an-jorony sy teo amin' ny vavahady mankao amin' ny tany lemaka sy teo an-jorony ka nanamafy azy. **10** Ary nanao tilikambo tany an-efitra koa izy sady nihady lavaka maro ho famorian-drano; fa izy nanana omby aman' ondry betsaka teny an-tany lemaka sy teny an-tanety ary mpiasa koa sy mpamboatra tanim-boaloboka teny an-tendrombohitra sy teny Karmela koa; fa tia asa tany izy. **11** Ary Ozia nanana miaramila maro, izay nanao antokony handeha hanafika, dia araka ny isany izay nandaminan' i Jeiela mpanoratra sy Mahaseia mpifehy azy, ka nofehezin' i Hanania, anankiray tamin' ny komandy voatendrin' ny mpanjaka. **12** Enin-jato amby roa rivo no isan' ny lohan' ny fianakaviana rehetra, dia lehilahy mahery avokoa. **13** Ary ny miaramila fehezin' ireo dia diman-jato amby fito arivo sy telo hetsy, izay nahery niady indrindra, homba ny mpanjaka hiady amin' ny fahavalony. **14** Ary Ozia namboatra ampinga sy lefona sy fiarovan-doha sy akanjo fiarovan-tratra sy tsipìka ary vaton' antsamotady ho an' ireo miaramila rehetra ireo. **15** Ary nanao fiadiana lehibe tany Jerosalema izy, natao araka ny marika vitan' ny mahay zavatra, hapetraka eo amin' ny tilikambo sy eo an-tampon' ny manda mba handefasana zana-tsipika sy vato lehibe. Ary niely lavitra ny lazan' i Ozia; fa mahagaga ny nanampiana azy, ka tonga mahery tokoa izy. **16** Ary nony nahery izy, dia niavonavona ny fony, ka nanao izay ratsy izy, fa nivadika tamin' i Jehovah Andriamaniny ka niditra tao amin' ny tempolin' i Jehovah handoro ditin-kazo manitra teo amln' ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra. **17** Fa niditra nanaraka azy kosa Azaria mpisorona mbamin' ny valo-polo lahy amin' ny mpisoron' i Jehovah, lehilahy samy mahery avokoa. **18** Ary nanohitra an' i Ozia mpanjaka ireo ka nanao taminy hoe: Tsy raharahanao, ry Ozia, ny handoro ditin-kazo manitra ho an' i Jehovah, fa an' ny mpisorona ihany, dia ny taranak' i Arona, izay nohamasinina handoro ditin-kazo manitra. Mialà amin' ny fitoerana masìna, fa nanao izay mahadiso ianao; ary tsy ho voninahitra ho anao eo anatrehan' i Jehovah Andriamanitra izany. **19** Dia nisafoaka Ozia, ary nisy lovia teny an-tànany handoroany ditin-kazo manitra; koa raha mbola nisafoaka tamin' ny mpisorona izy, dia nisy habokana nipoitra tamin' ny handriny teo anatrehan' ny mpisorona tao an-tranon' i Jehovah, tanilan' ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra. **20** Ary Azaria mpisoronabe sy ny mpisorona rehetra dia nanatrika nijery azy, ka, indro, boka ny handriny; dia noroahiny hiala teo izy; nefa ny tenany dia mba nivoaka faingana ihany koa, satria Jehovah efa namely azy. **21** Ary Ozia mpanjaka dia boka ambara-pahafatiny ka nitoetra tao an-trano mitokana, satria tsy nahazo niditra tao an-tranon' i Jehovah intsony izy. Ka dia Jotama zanany no nanapaka tao an-dapa sady nitsara ny

vahoaka. **22** Ary ny tantaran' i Ozia sisa, na ny voalohany na ny farany, dia efa nosoratan' Isaia mpaminany, zanak' i Amoza; **23** Ary Ozia lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny razany tao an-tsaha fandevenana izay an' ny mpanjaka, satria hoy ny olona: Boka izy. Ary Jotama zanany no nanjaka nandimby azy.

27 Dimy amby roa-polo taona Jotama, fony izy vao nanjaka, ary enina ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Jerosa, zanakavavin' i Zadoka. **2** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy, tahaka izay nataon' i Ozia rainy; nefa kosa tsy mba niditra tao amin' ny tempolin' i Jehovah izy. Ary ny vahoaka rehetra mbola nanao ratsy ihany. **3** Izy no nanamboatra ny vavahady ambony amin' ny tranon' i Jehovah sady nandrafitra be tamin' ny mandan' i Ofela koa. **4** Ary nanao tanàna teny amin' ny tany havoan' i Joda sy trano fiarovana ary tilikambo tany an' ala koa izy. **5** Ary niady tamin' ny mpanjakan' ny taranak' i Amona koa izy ka naharesy azy. Ary tamin' izany taona izany ny taranak' i Amona nanome azy talenta volafotsy zato ary vary tritika sy vary hordea iray alina kora avy; izany no naloan' ny taranak' i Amona ho azy tamin' ny-taona faharoa sy fahatelo koa. **6** Ary dia nitombo hery Jotama, satria nizotra tsara teo anatrehan' i Jehovah Andriamaniny izy. **7** Ary ny tantaran' i Jotama sisa mbamin' ny adiny rehetra sy ny fanaony, indro, efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Isiraely sy ny Joda izany. **8** Dimy amby roa-polo taona izy, fony vao nanjaka, ary enina ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema. **9** Ary Jotama lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tany an-Tanànan' i Davida izy; ary Ahaza zanany no nanjaka nandimby azy.

28 Roa-polo taona Ahaza, fony izy vao nanjaka, ary enina ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema; ary tsy mba nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah tahaka an' i Davida rainy izy, **2** fa nandeha tamin' ny lalan' ny mpanjakan' ny Isiraely izy sady nanao sarin-javatra an-idina ho an' ireo Bala koa. **3** Ary nandoro ditin-kazo manitra tao amin' ny lohasahan' ny taranak' i Hinoma koa izy, ary ny zanany dia nodorany tamin' ny afo, araka ny fahavetavetan' ny jentilisa izay noroahin' i Jehovah tsy ho eo anoloan' ny Zanak' isiraely. **4** Ary namono zavatra hatao fanatitra izy sady nandoro ditin-kazo manitra teny amin' ny fitoerana avo koa sy teny an-tampon' ny havoana ary teny ambanin' ny hazo maitso rehetra. **5** Koa dia natolotr' i Jehovah Andriamaniny ho eo an-tànan' ny mpanjakan' i Syria izy; dia namely azy ireo, ka betsaka no lasany ho babo ka nentiny tany Damaskosy. Ary natolony ho eo an-tànan' ny mpanjakan' ny Isiraely koa izy, dia namely mafy ka naharesy azy koa ireo. **6** Fa Peka, zanak' i Remalia, nahafaty olona roa alina sy iray hetsy indray andro tamin' ny Joda, dia lehilahy mahery avokoa, noho ny nahafoizan' ireny an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany. **7** Ary Zikry, lehilahy mahery tamin' ny Efraima, namono an' i Mahaseia, zanaky ny mpanjaka, sy Azrikama, mpanapaka ny trano, ary Elkana, izay nanarakaraka ny mpanjaka. **8** Ary ny Zanak' isiraely nahazo sambo-belona roa hetsy tamin' ireo havany, dia vehivavy sy zazalahy sy zazavavy, ary nahazo babo betsaka taminy koa izy, dia nentiny tany Samaria ireny. **9** Ary nisy mpaminanin' i Jehovah tao, Odeda no anarany, izay nivoaka hitsena ny miaramila, raha nankany Samaria, izy ka nanao taminy hoe: He! ny nahatezeran' i Jehovah, Andriamanitry ny razanareo, tamin' ny Joda no nanolorany azy ho eo an-tananareo, dia novonoinareo ireny tamin' ny fahatezerana manakatra ny lanitra. **10** Ary ankehitriny ny taranak' i Joda sy Jerosalema dia kasainareo handevozina ho andevolahinareo sy ho andevovanivareo; ka moa ianareo ireo va tsy mba manan-keloka amin' i Jehovah Andriamanitrareo koa? **11** Ary ankehitriny mihainoa ahy, koa alefaso ny babo izay efa nentinareo avy tamin' ny rahalahinareo; fa mirehitra aminareo ny fahatezeran' i Jehovah. **12** Dia nitsangana ny loholona sasany avy amin' ny taranak' i Efraima, dia Azaria, zanak' i Johanana, sy Berekia, zanak' i Mesilemota, sy Jehizkia, zanak' i Saloma, ary Amasa, zanak' i Hadlay, ka nanohitra izay vao avy tany an-tafika **13** nanao taminy hoe: Tsy mahazo mampiditra ny babo eto ianareo; fa mikasa hanampy ny fahotantsika sy ny fahadisoantsika ianareo mba hahameloka antsika amin' i Jehovah; fa efa be ny fahadisoantsika, ka iharan' ny fahatezerana mirehitra ny Isiraely. **14** Dia nalefan' ny miaramila teo anatrehan' ny mpanapaka sy ny fiangonana rehetra izay sambo-belona sy babo azony, **15** ka ireo olona voalaza anarana ireo dia nitsangana ka naka ny sambo-belona, ary izay rehetra tsy nitafy no nampiakanjoiny tamin' ny zavatra nentiny; eny, nampiakanjoiny sy nokiraroiny izy ary nampihinaniny sy nampisotroiny ary nohosorany, sady nampitaingeniny boriky izay rehetra osaosa, ka nentiny tany Jeriko, tanàna be rofia, ho any amin' ny rahalahiny; dia niverina tany Samaria izy. **16** famin' izany andro izany Ahaza mpanjaka naniraka tany amin' ny mpanjakan' i Asyria nangataka ny any hanampy azy. **17** Fa ny Edomita dia tonga indray ka namely ny Joda ary namabo azy. **18** Ary ny Filistina koa nanafika ny tanàna eny amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka sy eny amin' ny tany atsimo momba an' i Joda, dia nahafaka an' i Beti-semesy sy Aialona sy Gederota sy Soko mbamin' ny zana-bohiny ary Timna sy ny zana-bohiny ary Gimzo koa sy ny zana-bohiny; ary nonina tao izy. **19** Fa Jehovah nampietry ny Joda noho Ahaza, mpanjakan' ny Isiraely, satria Ahaza efa nanaram-po nanao ratsy teo amin' ny Joda ka nivadika tamin' i Jehovah. **20** Ary Tiglato-pilesera, mpanjakan' i Asyria, tonga tao aminy, nefa nampahory azy fa tsy nampahery azy. **21** Fa efa nalain' i Ahaza ny zavatra tao an-tranon' i Jehovah sy tao an-tranon' ny mpanjaka sy ny an' ny mpanapaka, ary efa nomeny ny mpanjakan' i Asyria, nefa tsy nahasoa azy akory izany. **22** Ary tamin' ny andro nampahoriana azy dia mbola nanao izay nahadiso amin' i Jehovah ihany io Ahaza mpanjaka io. **23** Ary namono zavatra hatao fanatitra ho an' ireo andriamanitr' i Damaskosy, izay namely azy, izy ka nanao hoe: Ireo andriamanitry ny mpanjakan' i Asyria, izay nanampy azy, no hamonoako zavatra hatao fanatitra mba hanampiany ahy. Kanjo tonga fandravana azy sy ny Isiraely rehetra ireo. **24** Ary Ahaza nanangona ny fanaky ny tranon' Andriamanitra ka namakivaky azy ary nandrindrina

ny varavaran' ny tranon' i Jehovah sady nanao alitara teny amin' ny zoron-dalana rehetra tany Jerosalema. **25** Ary teny amin' ny tanànan' ny Joda rehetra dia nanaovany fitoerana avo handoroana ditin-kazo manitra ho an' ny andriamanikafa, ka dia nahatezitra an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, izy. **26** Ary ny tantarany sisa sy ny fanaony rehetra, na ny voalohany na ny farany, indreo, efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Joda sy ny Isiraely izany. **27** Ary Ahaza lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao an-tanàna Jerosalema izy, fa tsy mba natao tao amin' ny fasan' ny mpanjakan' ny Isiraely. Ary Hezekia zanany no nanjaka nandimby azy.

29 Dimy amby roa-polo taona Hezekia, fony izy vao nanjaka, ary sivy amby roa-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary ny anaran-dreniny dia Abia, zanakavavin' i Zakaria. **2** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy, tahaka izay rehetra nataon' i Davida rainy. **3** Tamin' ny volana voalohany tamin' ny taona voalohany nanjakany dia namoha ny varavaran' ny tranon' i Jehovah izy ka namboatra azy. **4** Ary dia nampidiriny tao ny mpisorona sy ny Levita ka nangoniny teo an-kalalahana atsinanana. **5** Ary hoy izy taminy: Mihainoa ahy, ianareo Levita, ka hamasino ny tenanareo izao, ary hamasino koa ny tranon' i Jehovah, Andriamanitry ny razanareo, ary esory amin' ny fitoerana masìna ny loto. **6** Fa ny razantsika nandiso sy nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah Andriamanitsika ary nahafoy Azy sy nihodina ka niamboho ny fonenan' i Jehovah. **7** Ary narindriny ny varavarana amin' ny lavarangana fidirana, dia novonoiny ny jiro, sady tsy nodorany ny ditin-kazo manitra, ary ny fanatitra dorana tsy nateriny tao amin' ny fitoerana masìna ho an' Andriamanitry ny Isiraely. **8** Ka dia nihatra tamin' ny Joda sy Jerosalema ny fahatezeran' i Jehovah, ka nanolotra azy ho mpanjenjena izy sy ho figagana ary ho zavatra mampisitrisitra toy izao hitan' ny masonareo izao. **9** Fa he! lavon' ny sabatra ny razantsika, ary ny zanakalahintsika sy ny zanakavavintsika sy ny vadintsika dia efa babo noho izany. **10** Ka dia efa mby ato am-poko ny hanao fanekena amin' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, mba hiala amintsika ny fahatezerany mirehitra. **11** Ry zanako, aza malaina ianareo; fa ianareo no nofidin' i Jehovah hijanona eo anatrehany hanompo Azy ka ho tonga mpanao fanompoam-pivavahana sy mpandoro ditin-kazo manitra ho Azy. **12** Dia nitsangana ny Levita, dia Mahata, zanak' i Amasay, sy Joela, zanak' i Azaria, tamin' ny taranaky ny Kehatita; ary tamin' ny taranak' i Merary dia Kisy, zanak' i Abdia, sy Azaria, zanak' i Jehalalila; ary tamin' ny Gersonita dia Joa, zanak' i Zima, sy Edena, zanak' i Joa; **13** ary tamin' ny taranak' i Elizafana dia Simry sy Jeiela; ary tamin' ny taranak' i Asafa dia Zakaria sy Matania; **14** ary tamin' ny taranak' i Hemana dia Jehiela sy Simey; ary tamin' ny taranak' i Jedotona dia Semaia sy Oziela. **15** Ary namory ny rahalahiny izy, ka dia samy nanamasina ny tenany avy, dia tonga araka ny didin' ny mpanjaka noho ny tenin' i Jehovah mba hanadio ny tranon' i Jehovah. **16** Ary ny mpisorona niditra tao amin' ny efitra anatiny amin' ny tranon' i Jehovah mba hanadio azy, ka navoakany ny loto rehetra izay hitany tao an-tempolin' i Jehovah ho eo an-kianjan' ny tranon' i Jehovah. Ary ny Levita kosa nandray ireny havoakany ho any amin' ny lohasahan-driaka Kidrona. **17** Ary tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana voalohany no nanomboka ny fanamasinana izy, ary tamin' ny andro fahavalo tamin' io volana io dia niditra teo amin' ny lavarangana fidirana an' i Jehovah izy; ka dia nanamasina ny tranon' i Jehovah tamin' ny havaloana izy; ary tamin' ny andro fahenina ambin' ny folo tamin' ny volana voalohany no nahavitany azy. **18** Dia niditra tao amin' i Hezekia mpanjaka izy ka nanao hoe: Efa voadionay avokoa ny tranon' i Jehovah sy ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana mbamin' ny fanaka rehetra momba azy ary ny latabatry ny mofo aseho mbamin' ny fanaka rehetra momba azy koa. **19** Ary ny fanaka rehetra izay novetavetain' i Ahaza mpanjaka tamin' ny nanotany, fony izy mbola nanjaka, dia efa namboarinay sy nohamasininay, koa indreo izy eo anoloan' ny alitaran' i Jehovah. **20** Dia nifoha maraina koa Hezekia mpanjaka ka namory ny mpanapaka ny tanàna, dia niakatra ho ao an-tranon' i Jehovah. **21** Ary nitondra vantotr' ombilahy fito sy ondrilahy fito sy zanak' ondry fito izy ary osilahy fito ho fanatitra noho ny ota ho an' ny fanjakana sy ho an' ny fitoerana masìna ary ho an' ny Joda. Ary ny mpisorona, taranak' i Arona, dia nasainy nanatitra ireo teo ambonin' ny alitaran' i Jehovah. **22** Dia novonoiny ny vantotr' ombilahy, ary noraisin' ny mpisorona ny rà ka natopiny tamin' ny alitara; ary novonoiny koa ny ondrilahy, dia natopiny tamin' ny alitara ny ràny; ary novonoiny koa ny zanak' ondry, dia natopiny tamin' ny alitara ny ràny. **23** Ary ny osilahy ho fanatitra noho ny ota dia nentiny teo anatrehan' ny mpanjaka sy ny fiangonana ka nametrahany tanana; **24** dia novonoin' ny mpisorona ireo, ka ny ràny nataony teo amin' ny alitara araka ny fanao ho fanatitra noho ny ota hanaovana fanavotana ho an' ny Isiraely; fa ho an' ny Isiraely rehetra no nasain' ny mpanjaka nanaovana ny fanatitra dorana sy ny fanatitra noho ny ota. **25** Ary ny mpanjaka nametraka ny Levita tao an-tranon' i Jehovah hitondra kipantsona sy valiha ary lokanga, araka ny didin' i Davida mpanjaka sy Gada, mpahitan' ny mpanjaka, sy Natana mpaminany; fa izany no didin' i Jehovah nampitondrainy ny mpaminaniny. **26** Ary ny Levita nitsangana teo nitondra ny zava-manenon' i Davida, ary ny mpisorona koa nitondra ny trompetra. **27** Ary nasain' i Hezekia naterina teo ambonin' ny alitara ny fanatitra dorana; ary raha vao natomboka ny nanaterana ny fanatitra dorana, dia natomboka koa ny fihirana ho an' i Jehovah sy ny fitsofana ny trompetra ka notarihin' ny zava-manenon' i Davida, mpanjakan' ny Isiraely. **28** Ary ny fiangonana rehetra niankohoka, ary ny mpihira nihira, ary ny mpitsoka trompetra nitsoka mandra-pahavitan' ny fanatitra dorana. **29** Ary nony efa nitsahatra ny nanaterana izany, dia nandohalika sy niankohoka ny mpanjaka mbamin' izay rehetra teo aminy. **30** Ary Hezekia mpanjaka sy ny mpanapaka nampihira ny Levita hidera an' i Jehovah tamin' ny teny namboarin' i Davida sy Asafa mpahita. Ary nihira fiderana tamin' ny hafaliana izy, dia niondrika sy niankohoka.

31 Ary Hezekia niteny hoe: Efa nanokana ny tenanareo ho an' i Jehovah ianareo izao, ka dia manatòna, ary mitondrà fanati-pisaorana sy fanatitra hafa koa ho ao an-tranon' i Jehovah. Dia nitondra fanati-pisaorana sy fanatitra hafa ny fiangonana, ary izay rehetra nazoto dia nitondra fanatitra dorana. **32** Ary ny isan' ny fanatitra dorana izay nentin' ny fiangonana dia omby fito-polo sy ondrilahy zato ary zanak' ondry roan-jato; natao fanatitra dorana ho an' i Jehovah ireo rehetra ireo. **33** Ary ny zavatra nohamasinina dia omby enin-jato sy ondry aman' osy telo arivo. **34** Fa vitsy loatra ny mpisorona ka tsy nahendaka ny fanatitra dorana rehetra, ka dia nanampy azy ny Levita rahalahiny mandra-pahavitan' ny raharaha sy ny nanamasinan' ny mpisorona sasany ny tenany koa; fa ny Levita nahitsy fo kokoa hanamasina ny tenany noho ny mpisorona. **35** Ary be koa ny fanatitra dorana sy ny saboran' ny fanati-pihavanana sy ny fanatitra aidina momba ny fanatitra dorana. Izany no nanavaozany ny fanompoana tao an-tranon' i Jehovah. **36** Ary faly Hezekia sy ny vahoaka rehetra noho izay namboarin' Andriamanitra ho an' ny olona, satria tampoka izany raharaha izany.

30 Ary Hezekia naniraka tany amin' ny Isiraely sy ny Joda rehetra ka nanoratra taratasy ho amin' ny Efraima sy ny Manase koa mba hankanesany any an-tranon' i Jehovah any Jerosalema hitandrina ny Paska ho an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **2** Fa ny mpanjaka sy ny mpanapaka mbamin' ny fiangonana rehetra tany Jerosalema dia niara-nihevitra ny amin' ny hitandremana ny Paska amin' ny volana faharoa. **3** Nefa tsy nahatandrina azy tamin' izany andro izany izy, satria ny mpisorona tsy mbola nanamasina ny tenany loatra, ary ny olona koa tsy mbola vory tany Jerosalema. **4** Ary sitraky ny mpanjaka sy ny fiangonana rehetra izany. **5** Dia nandidy handefa teny eran' ny Isiraely rehetra hatrany Beri-sheba ka hatrany Dana izy mba hankanesan' ny olona hitandrina ny Paska ho an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, any Jerosalema; fa ny be sy ny maro tsy mba nitandrina azy araka ny voasoratra. **6** Dia lasa ny tsimandoa nitondra ny taratasy avy tamin' ny mpanjaka sy ny mpanapaka hitety ny Isiraely sy ny Joda rehetra ka nilaza araka ny didin' ny mpanjaka hoe: Ry zanak' isiraely ô, miverena amin' i Jehovah, Andriamanitr' i Abrahama sy Isaka ary Isiraely, mba hiverenany ho amin' izay sisa aminareo izay tsy azon' ny tànan' ireo mpanjakan' i Asyria. **7** Aza manahaka ny rainareo sy ny rahalahinareo izay nivadika tamin' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, ka dia natolony ho figagana araka izao hitanareo izao izy. **8** Koa aza manamafy ny hatokareo toy ny nataon' ny razanareo, fa atolory an' i Jehovah ny tananareo, ka midìra ao amin' ny fitoerany masìna, izay nohamasininy ho mandrakizay; ary manompoa an' i Jehovah Andriamanitrareo, mba hiala aminareo ny fahatezerany mirehitra. **9** Fa raha miverina amin' i Jehovah ianareo, dia hahazo famindram-po eo anatrehan' izay nitondra azy ho babo ny rahalahinareo sy ny zanakareo, ka dia ho tafaverina amin' ity tany ity izy; fa miantra sy mamindra fo Jehovah Andriamanitrareo, ary tsy mba hiamboho anareo Izy, raha miverina aminy ianareo. **10** Ary ny tsimandoa nitety ny tanàna hatrany amin' ny tanin' ny Efraima sy ny Manase ka hatrany amin' ny Zebolona; fa nihomehezan' ny olona sy novazivaziny foana izy. **11** Kanefa kosa ny tamin' ny Asera sy ny Manase ary ny Zebolona dia nisy ihany nanetry tena ka tonga tany Jerosalema. **12** Ary ny tànan' Andriamanitra dia napetrany tamin' ny Joda koa mba hanome azy fo iray hankatò ny didin' ny mpanjaka sy ny mpanapaka noho ny tenin' i Jehovah. **13** Ary tamin' ny volana faharoa dia nisy olona maro nivory tany Jerosalema hitandrina ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, dia fivoriana lehibe tokoa. **14** Ary nitsangana izy, dia nandrava ireo alitara tany Jerosalema; ary ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra rehetra dia noravany koa ka nariany tany amin' ny lohasahan-driaka Kidrona. **15** Dia namono ny Paska izy tamin' ny andro fahefatra ambin' ny folo tamin' ny volana faharoa; ary menatra, ny mpisorona sy ny Levita, dia nanamasina ny tenany ka nampiditra ny fanatitra dorana ho ao an-tranon' i Jehovah. **16** Ary nitsangana teo amin' ny fitoerany tahaka ny fanao izy, araka ny lalàn' i Mosesy, lehilahin' Andriamanitra; ary ny mpisorona nanopy ny rà izay teny an-tànan' ny Levita. **17** Fa nisy maro tao amin' ny fiangonana izay tsy mba nanamasina ny tenany, ka dia ny Levita no nampamonoina ny Paska hisolo izay rehetra tsy madio mba hanamasina azy ho an' i Jehovah. **18** Fa nisy olona betsaka, dia maro avy tamin' ny Efraima sy ny Manase sy ny Isakara ary ny Zebolona, no tsy mba nanadio ny tenany, kanefa nihinana ny Paska ihany izy, fa tsy araka izay voasoratra. Ary Hezekia nivavaka ho an' ireny ka nanao hoe: Jehovah tsara ô, mamelà **19** izay rehetra efa nampiomana ny fony hitady an' Andriamanitra, dia Jehovah, Andriamanitry ny razany, na dia tsy madio araka ny fahadiovan' ny fitoerana masìna aza izy. **20** Ary Jehovah nihaino an' i Hezekia ka nahasitrana ny olona. **21** Ary ny Zanak' isiraely izay tany Jerosalema dia nitandrina hafitoana ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira tamin' ny fifaliana lehibe; ary ny Levita sy ny mpisorona nidera an' i Jehovah isan' andro sady nampaneno zavatra mafy faneno ho an' i Jehovah. **22** Ary Hezekia dia nankasitraka ny Levita rehetra, izay nanana fahaizana ho an' i Jehovah; ary nihinana ny Paska hafitoana izy sady nanatitra fanati-pihavanana koa sy nisaotra an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany. **23** Ary ny fiangonana rehetra niara-nihevitra ny amin' ny hitandremana hafitoana indray; ka dia mbola nitandrina hafitoana koa tamin' ny hafaliana izy. **24** Fa Hezekia, mpanjakan' ny Joda, nanome vantotr' ombilahy arivo sy ondry aman' osy fito arivo ho an' ny fiangonana; ary ny mpanapaka koa nanome vantotr' ombilahy arivo sy ondry aman' osy iray alina ho an' ny fiangonana; ary maro ny mpisorona no nanamasina ny tenany. **25** Ary faly ny fiangonana, dia ny Joda rehetra sy ny mpisorona sy ny Levita sy izay rehetra tafangona avy tamin' ny Isiraely mbamin' ny vahiny izay avy tany amin' ny tany Isiraely ary izay nonina tany Joda. **26** Koa nisy fifaliana be tany Jerosalema; fa hatramin' ny andron' i Solomona, zanak' i Davida, mpanjakan' ny Isiraely, dia tsy mbola nisy tahaka izany tany Jerosalema. **27** Dia nitsangana ny Levita

sy ny mpisorona ka nitso-drano ny olona; ary nohenoin' Andriamanitra ny feony, ka niakatra ho any an-danitra, fonenany masìna, ny fivavany.

31 Ary nony vita izany rehetra izany, dia niainga nankany an-tanànan' ny Joda ny Isiraely rehetra izay tao ka nanorotoro ny tsangam-baton-tsampy sy nikapa ny Aseraha ary nandrava ny fitoerana avo sy ny alitara eran' i Joda sy Benjamina rehetra ary tany Efraima sy Manase koa ambarapaharavany azy rehetra. Dia samy nody ho any amin' ny taniny sy ny tanànany avy ny Zanak' isiraely rehetra. **2** Ary Hezekia nanendry ny antokon' ny mpisorona sy ny Levita araka ny antokony avy, samy araka ny fanompoany avy, dia ny mpisorona sy ny Levita ho amin' ny fanatitra dorana sy ny fanati-pihavavana sy hanao fanompoampivavahana sy hisaotra ary hidera eny amin' ny vavahadin' ny tobin' i Jehovah. **3** Ary ny hatao fanatitra dorana rehetra dia nomen' ny mpanjaka avy tamin' ny fananany, dia ny fanatitra dorana maraina sy hariva sy ny fanatitra dorana atao amin' ny Sabata sy amin' ny voaloham-bolana sy amin' ny fotoam-pivavahana, araka ny voasoratra ao amin' ny lalan' i Jehovah. **4** Ary ny olona izay nonina tany Jerosalema nasainy nandoa ny anjaran' ny mpisorona sy ny Levita hipetrahany tsara amin' ny lalàn' i Jehovah. **5** Ary nony niely izany teny izany, dia nitondra voaloham-bokatra betsaka ny Zanak' isiraely, dia vary sy ranom-boaloboka sy diloilo sy tantely ary vokatry ny tany isan-karazany; ary ny fahafolon-karena tamin' ny zavatra rehetra, dia betsaka koa no nentiny. **6** Ary ny Isiraely sy ny Joda, izay nonina tany an-tanànan' ny Joda, nitondra ny fahafolon-karena koa, dia omby sy ondry aman' osy, ary ny fahafolon' ny zavatra masìna izay nohamasinina ho an' i Jehovah Andriamaniny, ary navosainy nitokotoko maro ireny. **7** Tamin' ny volana fahatelo no vao nanomboka nanokotoko azy izy, ary tamin' ny volana fahafito no nahavitany azy. **8** Ary nony avy Hezekia sy ny mpanapaka ka nahita ireo niavosa ireo, dia nisaotra an' i Jehovah sy ny Isiraely olony izy. **9** Ary Hezekia nanontany ny mpisorona sy ny Levita ny amin' ireo niavosa ireo. **10** Ary Azaria mpisoronabe, taranak' i Zadoka, namaly azy hoe: Hatramin' ny niandohan' ny nitondran' ny olona ny fanatitra ho ao an-tranon' i Jehovah dia nihinana izahay ka voky, sady be koa ny sisa; fa Jehovah nitahy ny olony, ary ny sisa dia ireo betsaka ireo. **11** Ary nasain' i Hezekia namboatra efi-trano fitehirizana tao amin' ny tranon' i Jehovah izy; dia namboariny izany. **12** Ary tamin' ny fahamarinany no nampidirany ny fanatitra sy ny fahafolon-karena sy ny zavatra nohamasininy; ary Konania Levita no mpitahiry ireny, ary simey rahalahiny no manarakaraka. **13** Ary Jehiela sy Azazia sy Nahata sy Asahela sy Jerimota sy Jozabada sy Eliala sy Jismakia sy Mahata ary Benaia, fehin' i Konania sy Simey rahalahiny, no tonian' ireny, araka ny didin' i Hezekia mpanjaka sy Azaria, mpanapaka ny tranon' Andriamanitra. **14** Ary Kore Levita, zanak' i Jimna, mpiandry varavarana tao atsinanana, no tonian' ny fanati-tsitrapo ho an' Andriamanitra, hizara ny fanatitra asandratra ho an' i Jehovah sy ny zava-masìna indrindra. **15** Ary ny fehin' i Kore dia Edena sy Miniamina sy Jesoa sy Semaia sy Amaria ary Sekania tao amin' ny tanànan' ny mpisorona; ary adidin' ireo ny hizara ho an' ny rahalahiny araka ny antokony avy, na ny lehibe na ny kely, **16** afatsy ny lehilahy voasoratra hatramin' ny telo taona no ho miakatra, dia izay miditra ao an-tranon' i Jehovah handray ny anjarany isanandro noho ny fanompoany amin' ny anjara-raharahany araka ny antokony avy. **17** Ary ny amin' ny fanoratana ny mpisorona koa, dia nosoratana araka ny fianakaviany avy, ary ny Levita koa hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra, araka ny anjara-raharahany sy ny antokony avy. **18** Ary nomena koa ny ankohonany rehetra izay voasoratra, dia ny vadiny mbamin' ny zananilahy sy ny zananivavy rehetra; fa tamin' ny fahamarinany no nanamasinany ny tenany ny amin' ny zavatra masìna. **19** Ary ho an' ny mpisorona, taranak' i Arona, koa, izay tany amin' ny tany manodidina ny tanànany, dia nisy olona voatonona anarana tamin' ny isan-tanàna hanome anjara ny lehilahy rehetra amin' ny mpisorona sy ny Levita rehetra voasoratra. **20** Ary toy izany no nataon' i Hezekia eran' i Joda rehetra; fa nanao izay tsara sy mety ary marina eo anatrehan' i Jehovah Andriamaniny izy. **21** Ary ny raharaha rehetra izay natombony ny amin' ny fanompoana ao an-tranon' Andriamanitra sy ny lalàna ary ny didy hitadiavana an' Andriamaniny dia nataony tamin' ny fony rehetra, fa nambinina izy

32 Ary rehefa afaka izany raharaha marina izany, dia avy Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, niditra tany Joda ary nanao fahirano ny tanàna mimanda ka nikasa hanafaka azy. **2** Ary nony hitan' i Hezekia fa tonga Sankeriba ka nikasa hamely an' i Jerosalema, **3** dia niara-nihevitra tamin' ny mpanapaka sy ny lehilahy mahery izy mba hanampina ny rano tamin' ny loharano eny ivelan' ny tanàna; ary nanampy azy ireo. **4** Dia nivory ny olona maro ka nanampina ny loharano rehetra sy ilay renirano mamaky eo afovoan' ny tany, fa hoy izy: Nahoana no avela hahita rano be ny mpanjakan' i Asyria, raha avy? **5** Dia noherezin'y namboariny avokoa izay rava tamin' ny manda sady nasiany tilikambo teny amboniny sy manda hafa koa teo ivelany, dia namboatra an' i Milo tao an-tanànan' i Davida sady nanao lefona aman' ampinga betsaka izy. **6** Ary nanendry mpifehy miaramila hifehy ny olona izy ka nampiangona azy hankeo aminy teo an-kalalahana akaikin' ny vavahadin' ny tanàna, dia nanao teny famporisihana taminy hoe: **7** Mahereza ka matanjaha; aza matahotra na mivadi-po noho ny mpanjakan' i Asyria sy ny hamaroan' ny olona rehetra izay entiny; fa ny momba antsika dia be noho ny momba azy. **8** Sandry nofo no momba azy, fa Jehovah Andriamanitsika kosa no momba antsika hamonjy antsika ka hiady ny adintsika. Ary dia niankina tamin' ny tenin' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda, ny olona. **9** Rehefa afaka izany, dia nirahin' i Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, ny mpanompony hankany Jerosalema (fa izy sy ny miaramilany rehetra kosa nanao fahirano an' i Lakisy tamin' izay) ho any amin' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda, sy ho any amin' ny Joda rehetra izay tany Jerosalema ka nanao hoe: **10** Izao nolazain' i Sankeriba, mpanjakan' i Asyria: Inona

izato itokianareo, no dia miaritra fahoriana ato Jerosalema ianareo? **11** Tsy Hezekia ihany va no manambosy anareo hanole-tena ho faty mosary sy hetaheta ka anao hoe: Jehovah Andriamanitsika hamonjy antsika amin' ny tanan' ny mpanjakan' i Syria? **12** Tsy io Hezekia io ihany koa va no nandrava ny fitoerana avony sy ny alitarany ary nandidy ny Joda sy Jerosalema ka nanao hoe: Eo anoloan' ny alitara iray no iankohofanareo sy handoroanareo ditin-kazo manitra? **13** Tsy fantatrareo va izay nataoko, dia izaho sy ny razako, tamin' ny firenena rehetra tany amin' ny tany hafa? Moa ireny andriamanitry ny firenena tany amin' ny tany hafa ireny va nisy nahavonjy ny taniny akory tamin' iny tanako? **14** Iza amin' ny andriamanitr' ireo firenena efa naringan' ny razako ireo no nahavonjy ny olony tamin' ny tanako, ka dia hahavonjy anareo amin' ny tanako va ny Andriamanitrareo? **15** Koa ankehitriny, aza avela hamitaka anareo Hezekia, na hitaona anareo tahaka izao; aza mino azy ianareo; fa tsy nisy andriamanitra tany amin' ny firenena sy ny fanjakana rehetra izay nahavonjy ny olony tamin' ny tanako sy ny tanan' ny razako; koa aiza ny Andriamanitrareo no hahavonjy anareo amin' ny tanako? **16** Ary ny mpanompon' i Sankeriba mbola niteny ratsy an' i Jehovah Andriamanitra sy Hezekia mpanompony, **17** sady nanoratra taratasy hihaika an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, sy hiteny ratsy Azy ka nanao hoe: Tahaka ny tsy nahavonien' ireny andriamanitry ny firenena tany amin' ny tany hafa ny olony tamin' ny tanako no tsy hahavonjen' ny Andriamanitr' i Hezekia ny olony koa amin' ny tanako. **18** Dia niantso tamin' ny feo mahery izy ka nanao teny Jiosy teo anatrehan' ny mponina tany Jerosalema izay teny ambonin' ny manda hampitahorany sy hampangorohoroany azy mba hahafahany ny tanàna. **19** Ary Andriamanitr' i Jerosalema koa dia mba nolazainy toy ny filazàny ireny andriamanitry ny firenena tany amin' ny tany hafa ireny, izay asan' tànan' olona ihany. **20** Ary noho izany dia nivavaka Hezekia mpanjaka sy Isaia mpaminany, zanak' i Amoza, ka nitaraina tamin' ny lanitra. **21** Ary Jehovah naniraka anjely izay nandringana ny lehilahy mahery rehetra sy ny mpanapaka ary ny komandy teo an-tobin' ny mpanjakan' i Asyria, ka dia lasa nody amin-kenatra Sankeriba. Ary nony niditra tao an-tranon' ny andriamaniny izy, dia namono azy tao tamin' ny sabatra ny zanany naterany. **22** Toy izany no namonjen' i Jehovah an' i Hezekia sy ny mponina tany Jerosalema tamin' ny tànan' i Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, sy tamin' ny tanan' ny fahavalony rehetra; eny, niaro azy tamin' ny manodidina rehetra Izy. **23** Ary ny maro nitondra fanatitra ho an' i Jehovah tany Jerosalema sy zava-tsoa ho an' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda; dia nalaza teo imason' ny firenena rehetra izy hatramin' izany. **24** Tamin' izany andro izany dia narary efa saiky maty Hezekia, koa dia nivavaka tamin' i Jehovah izy, ary Jehovah niteny taminy ka nanome azy famantarana. **25** Fa Hezekia tsy mba namaly araka izay soa efa natao taminy; fa niavonavona ny fony, dia niharan' ny fahatezerana izy mbamin' ny Joda sy Jerosalema. **26** Kanefa Hezekia nanetry tena noho ilay efa niavonavonan' ny fony, dia izy sy ny mponina tany Jerosalema, ka dia tsy niharan' ny fahatezeran' i Jehovah ireo fahavelon' i Hezekia. **27** Ary Hezekia nanana harena sy voninahitra be indrindra; dia nanao trano firaketana izy hitehirizany ny volafotsy sy ny volamena sy ny vato soa sy ny zava-manitra sy ny ampinga mbamin' izay fanaka tsara rehetra, **28** ary tanàna fitehirizana ny vokatra koa, dia ny vary sy ny ranom-boaloboka ary ny diloilo, sy trano miefitrefitra hitoeran' ny biby fiompy samy hafa karazana ary vala hitoeran' ny ondry aman' osy. **29** Ary nanao tanàna maro ho azy koa izy sady nanana ondry aman' osy ary omby betsaka, fa nomen' Andriamanitra fananana be indrindra izy. **30** Ary notampenan' io Hezekia io ny fivoahan' ny rano ambony any Gihona ka nampandehaniny tany ambanin' ny tany hidina mahitsy ho any andrefan' ny Tanànan' i Davida izany. Ary nambinina tamin' ny asany rehetra Hezekia. **31** Nefa noho ny amin' ny irak' ireo mpanapaka tany Babylona, izay naniraka tany aminy mba hanontany ny amin' ny zava-mahagaga natao teo amin' ny tany, dia nilaozan' Andriamanitra izy, mba hizahany toetra azy hahalalany izay rehetra ao am-pony. **32** Ary ny tantaran' i Hezekia sisa mbamin' ny soa nataony, indro, efa voasoratra ao amin' ny fahitan' Isaia mpaminany, zanak' i Amoza, sy ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Joda sy ny Isiraely izany. **33** Ary Hezekia lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao amin' ny fiakarana ho any amin' ny fasan' ny zanak' i Davida izy; ary ny Joda rehetra sy ny mponina rehetra tany Jerosalema nanome voninahitra azy tamin' ny nahafatesany. Ary Manase zanany no nanjaka nandimby azy.

33 Roa ambin' ny folo taona Manase, fony izy vao nanjaka, ary dimy amby dimam-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. **2** Ary nanao izay ratsy eo mason' i Jehovah izy tahaka ny fahavetavetan' ny firenena izay noroahin' i Jehovah tsy ho eo anoloan' ny Zanak' isiraely. **3** Fa namboariny indray ny fitoerana avo, izay efa noravan' i Hezekia rainy, ka nanangana alitara ho an' ireo Bala izy sady nanao Aseraha sy niankohota teo anatrehan' izay rehetra eny amin' ny lanitra ka nanompo azy **4** sady nanorina alitara tao an-tranon' i Jehovah, dia tao amin' ilay nolazain' i Jehovah hoe: Any Jerosalema no hitoeran' ny anarako mandrakizay. **5** Fa nanao alitara teo anatin' ny kianja roa amin' ny tranon' i Jehovah izy ho an' izay rehetra eny amin' ny lanitra. **6** Ary ny zanany nampamakiny ny afo teo an-dohasahan' ny taranak' i Hinoma, sady nanandro sy nanao sikidy izy sy nanana ody ary naka ny manao azy ho tsindrian-javatra sy ny mpanao hatsarana, dia nahery nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy ka nampahatezitra Azy. **7** Ary izay sarin-javatra voasokitra momba ny sampy nataony dia napetrany tao an-tranon' Andriamanitra, izay nolazain' Andriamanitra tamin' Davida sy Solomona zanany hoe: Eto amin' ity trano ity sy eto Jerosalema, izay nofidiko tamin' ny firenen' isiraely rehetra, no hasiako ny anarako mandrakizay; **8** ary tsy hampandeha ny tongotry ny Isiraely intsony hiala amin' ny tany izay efa notendreko ho an' ny razanareo Aho, raha mba hitandrina koa izy hanao araka izay rehetra nandidiako azy, dia araka ny lalana rehetra sy ny didy ary ny fitsipika izay nampilazaina an' i Mosesy. **9**

Kanjo nampivily ny Joda sy ny mponina tany Jerosalema Manase mba hanao ratsy mihoatra noho ny firenena izay naringan' i Jehovah tsy ho eo anoloan' ny Zanak' isiraely. **10** Ary Jehovah niteny tamin' i Manase sy ny vahoakany, nefa tsy nety nihaino izy. **11** Dia nentin' i Jehovah hamely azy ny komandin' ny miaramilan' ny mpanjakan' i Asyria, dia nosamborin' ireo Manase ka nasiany masom-by sady nogadrany gadra varahina ary nentiny ho any Babylona. **12** Ary nony azom-pahoriana mafy izy, vao nifona tamin' i Jehovah Andriamaniny sady nanetry tena indrindra teo anatrehan' Andriamanitry ny razany **13** ka nivavaka taminy; ary Jehovah nanaiky ka nihaino ny fifonany, dia nampody azy ho any Jerosalema ho any amin' ny fanjakany. Ka dia fantatr' i Manase fa Jehovah no Andriamanitra. **14** Ary rehefa afaka izany, dia nanao manda teo ivelan' ny Tanànan' i Davida izy, dia teo andrefana hatrany Gihona, eo amin' ny lohasahan-driaka, ka hatramin' ny fidirana amin' ny vavahadin-kazandrano, ary nataony manodidina an' i Ofela sady nataony avo dia avo; ary nanendry izay ho komandin' ny miaramila ho any amin' ny tanàna mimanda rehetra any Joda izy. **15** Dia nesoriny ireny andriamani-kafa sy ny sampy tao an-tranon' i Jehovah mbamin' ny alitara rehetra izay efa naoriny teo an-tendrombohitry ny tranon' i Jehovah sy tany Jerosalema ka nariany teny ivelan' ny tanàna. **16** Ary nanorina indray ny alitaran' i Jehovah izy ka namono zavatra hatao fanati-pihavanana sy fanati-pisaorana teo amboniny, dia nandidy ny Joda hanompo an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **17** Fa ny olona mbola namono zavatra hatao fanatitra teny amin' ny fitoerana avo ihany, kanefa kosa ho an' i Jehovah Andriamaniny ihany. **18** Ary ny tantaran' i Manase sisa mbamin' ny vavaka nataony tamin' Andriamaniny sy ny tenin' ireo mpahita izay niteny taminy tamin' ny anaran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely indro, ao amin' ny tantaran' ny mpanjakan' ny Isiraely izany. **19** Ary koa, ny vavaka nataony sy ny naneken' Andriamanitra izany ary ny fahotany sy ny fahadisoany rehetra mbamin' ny fitoerana izay nanorenany fitoerana avo sy nananganany Aseraha sy sarin-javatra voasokitra, fony izy tsy mbola nanetry tena, indro, efa voasoratra ao amin' ny tenin' i Hozay izany. **20** Ary Manase lasa nodi-mandry any amin' ny razany, dia nalevina tao an-tranony; ary Amona zanany no nanjaka nandimby azy. **21** Roa amby roa-polo taona Amona, fony izy vao nanjaka, ary roa taona no nanjakany tany Jerosalema. **22** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah tahaka ny nataon' i Manase rainy ihany izy; fa ny sarin-javatra voasokitra rehetra nataon' i Manase rainy dia namonoan' i Amona zavatra hatao fanatitra ka notompoiny; **23** ary tsy nanetry tena teo anatrehan' i Jehovah tahaka ny nataon' i Manase rainy izy, fa mainka nanota bebe kokoa aza. **24** Dia nikomy taminy ny mpanompony ka namono azy tao an-tranony. **25** Fa ny vahoaka kosa namono izay rehetra efa nikomy tamin' i Amona mpanjaka, dia nampanjaka an' i Josia zanany hisolo azy.

34 Valo taona Josia, fony izy vao nanjaka, ary iraika amby telo-polo taona no nanjakany tany Jerosalema. **2** Ary nanao izay mahitsy eo imason' i Jehovah izy ka nandeha tamin' ny lalan' i Davida rainy, fa tsy mba nivily na ho amin' ny ankavanana na ho amin' ny ankavia. **3** Fa tamin' ny taona fahavalo nanjakany, raha mbola zatovolahy izy, dia niantomboka nitady an' Andriamanitr' i Davida rainy; ary tamin' ny taona faharoa ambin' ny folo kosa dia niantomboka nanadio an' i Joda sy Jerosalema izy mba tsy hisy fitoerana avo, na Aseraha, na sarin-javatra voasokitra, na sarin-javatra an-idina intsony. **4** Ary noravan' ny olona teo anatrehan' i Josia ny alitaran' ireo Bala; ary ny tsangan-kazo ho an' ny masoandro izay teo amboniny dia nokapainy; ary ny Aseraha sy ny sarin-javatra voasokitra mbamin' ny sarin-javatra an-idina dia novakivakiny sy notorotoroiny ho vovoka ka nafafiny teny amin' ny fasan' ireo efa namono zavatra hatao fanatitra ho azy. **5** Ary nandoro ny taolan' ny mpisorona teo ambonin' ny alitarany izy, ka dia nanadio an' i Joda sy Jerosalema. **6** Ary tany amin' ny tanànan' ny Manase sy ny Efraima ary ny Simeona hatrany amin' ny Naftaly, dia tao an-tanànany izay rava, **7** dia noravany koa ny alitara sy ny Aseraha; ary ny sarin-javatra voasokitra nomongomongoiny ho vovoka; ary ny tsangan-kazo ho an' ny masoandro eran' ny tanin' ny Isiraely rehetra dia nokapainy; ary dia niverina ho any Jerosalema izy. **8** Ary tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folo nanjakany, rehefa voadiony ny tany sy ny trano, dia naniraka an' i Safana, zanak' i Azalia, sy Mahaseia, komandin' ny tanàna, ary Joa, zanak' i Joahaza, mpitadidy ny raharaham-panjakana, izy mba hamboatra ny tranon' i Jehovah Andriamaniny. **9** Ary rehefa tonga teo amin' i Hilkia mpisoronabe izy, dia natolony ny vola izay nampidirina tao an-tranon' Andriamanitra, izay efa nangonin' ny Levita, mpiandry varavarana, tamin' ny Manase sy ny Efraima sy ny sisa rehetra tamin' ny Isiraely, ary tamin' ny Joda sy ny Benjamina rehetra sy ny mponina tany Jerosalema. **10** Ary natolony ho eo an-tanan' ny lehiben' ny mpiasa izay voatendry hitandrina ny amin' ny tranon' i Jehovah izany, ary natolotr' ireo kosa ho an' ny mpiasa izay niasa tao an-tranon' i Jehovah hanamboarana sy hanamafiana ny trano; **11** dia nomeny ho an' ny mpandrafitra sy ry mpandatsa-bato hamidy vato voapaika sy hazo hatao sakamandimby sy lampihazo ho amin' ny trano izay nosimban' ny mpanjakan' ny Joda. **12** Ary ny olona dia nanao ny asa araka izay mety hatao; ary ny voatendry hifehy azy dia lahata sy Obadia Levita, avy tamin' ny taranak' i Merary, ary Zakaria sy Mesolama, avy tamin' ny taranaky ny Kehatita, ary ny Levita rehetra izay nahay ny zava-maneno isan-karazany, **13** dia ireo no tonian' ny mpitondra entana sady nifehy izay rehetra nanao raharaha tamin' ny tao-zavatra samy hafa rehetra; ary avy tamin' ny Levita koa nisy mpanoratra sy mpifehy ary mpiandry varavarana. **14** Ary raha namoaka ny vola izay nampidirina tao an-tranon' i Jehovah izy, Hilkia mpisorona dia nahita ny bokin' ny lalàn' i Jehovah, ilay nampilazaina an' i Mosesy. **15** Ary niteny Hilkia ka nanao tamin' i Safana mpanoratra hoe: Ny bokin' ny lalàna dia hitako tao an-tranon' i Jehovah. Dia natolotr' i Hilkia an' i Safana ny boky. **16** Ary Safana nitondra ny boky ho any amin' ny mpanjaka sady nilaza taminy hoe: Izay rehetra nasaina nataon' ny mpanomponao dia nataony avokoa. **17**

Ary narotsany ny vola izay azo tao an-tranon' i Jehovah ka natolony teo an-tànan' ny olona voatendry sy teo an-tànan' ny mpiasa. **18** Ary Safana mpanoratra nilaza koa tamin' ny mpanjaka hoe: Misy boky nomen' i Hilkia mpisorona ahy. Dia novakin' i Safana teo anatrehan' ny mpanjaka ny boky. **19** Ary rehefa ren' ny mpanjaka ny tenin' ny lalàna, dia nandriatra ny fitafiany izy **20** sady nandidy an' i Hilkia sy Ahikama, zanak' i Safana, sy Abdona, zanak' i Mika, sy Safana mpanoratra ary Asaia, mpanompon' andriana, ka nanao hoe: **21** Andeha manontany amin' i Jehovah ho ahy sy izay sisa amin' ny Isiraely sy ny Joda ny amin' ny tenin' io boky vao hita; fa mafy ny fahatezeran' i Jehovah naidiny amintsika noho ny tsy nitandreman' ny razantsika ny tenin' i Jehovah hanao araka izay rehetra voasoratra amin' io boky io. **22** Ary Hilkia sy izay notendren' ny mpanjaka dia nankany amin' i Holda mpaminanivavy, vadin' i Saloma, zanak' i Tokehata, zanak' i Hasra, mpitahiry ny fitafiana (fa nitoetra tany Jerosalema tao amin' ny tanàna ambany ravehivavy) ary niresaka izany taminy izy ireo. **23** Dia hoy ravehivavy taminy: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Lazao amin' izay lehilahy naniraka anareo tatỳ amiko hoe: **24** Izao no lazain' i Jehovah: Indro, Izaho hahatonga loza amin' ity tanàna ity sy amin' ny mponina eto, dia ny ozona rehetra izay voasoratra ao amin' ilay boky efa novakina teo anatrehan' ny mpanjakan' ny Joda. **25** Satria nahafoy Ahy izy ka nandoro ditin-kazo manitra ho an' ireny andriamani-kafa sady nampahatezitra Ahy amin' izay rehetra nataon' ny tànany, dia haidina amin' ity tanana ity ny fahatezerako ka tsy hosakanana. **26** Fa ny amin' ny mpanjakan' ny Joda kosa izay naniraka anareo hanontany amin' i Jehovah, dia ambarao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Ny amin' ny teny izay efa novakinao, **27** satria nino anatra ianao ka nanetry tena teo anatrehan' Andriamanitra, raha nandre ny teniny ny amin' ity tanàna ity sy ny mponina eto, eny, satria nanetry tena teo anatrehako ianao ka nandriatra ny fitafianao sady nitomany teo anatrehako, dia Izaho efa nihaino, hoy Jehovah. **28** Koa, indro, hangoniko any amin' ny razanao ianao ary hangonina any amin' ny fasanao amin' ny fiadanana, ka ny masonao dia tsy mba hahita izay loza rehetra ho entiko mamely ity tanàna ity sy ny mponina eto. Dia nitondra valiny ho any amin' ny mpanjaka izy ireo. **29** Ary ny mpanjaka naniraka olona ka nampivory ny loholon' ny Joda sy Jerosalema rehetra. **30** Dia niakatra ho ao an-tranon' i Jehovah ny mpanjaka sy ny lehilahy rehetra tamin' ny Joda sy ny mponina tany Jerosalema mbamin' ny mpisorona sy ny Levita ary ny vahoaka rehetra, na lehibe na kely; dia novakiny teo anatrehany ny teny rehetra teo amin' ny bokin' ny fanekena, izay hita tao an-tranon' i Jehovah. **31** Ary ny mpanjaka nitsangana teo amin' ny fitoeran' andriana, dia nanao fanekena teo anatrehan' i Jehovah hanaraka Azy sy hitandrina ny lalàny sy ny teni-vavolombelony ary ny didiny amin' ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra, hankatò ny tenin' ny fanekena izay voasoratra ao amin' izany boky izany, **32** sady nampifikiriny tsara koa ny olona rehetra tany Jerosalema sy ny Benjamina. Ary ny mponina tany Jerosalema dia nanao araka ny faneken' Andriamanitra, dia Andriamanitry ny razany **33** Ary Josia nanaisotra ny fahavetavetana rehetra tamin' ny tany rehetra izay an' ny Zanak' isiraely sady nandidy izay rehetra teo amin' ny Isiraely hanompo an' i Jehovah Andriamaniny. Tamin' ny andro rehetra niainan' i Josia dia tsy mba niala tamin' ny fanarahana an' i Jehovah, Andriamanitry ny razany, ny olona.

35 Ary Josia nitandrina ny Paska tany Jerosalema ho an' i Jehovah; dia namono ny Paska ny olona tamin' ny andro fahefatra ambin' ny folo tamin' ny volana voalohany. **2** Ary Josia nanendry ny mpisorona ho amin' ny anjara-raharahany avy ka namporisika azy hanao ny fanompoana ao an-tranon' i Jehovah. **3** Ary hoy izy tamin' ny Levita izay mpampianatra ny Isiraely rehetra sady efa masìna ho an' i Jehovah: Apetraho ao an-trano nataon' i Solomona, zanak' i Davida, mpanjakan' ny Isiraely, ny fiara masìna; fa izao dia efa tsy milanja azy intsony ianareo; koa manompoa an' i Jehovah Andriamanitrareo sy ny Isiraely olony; **4** ary samia miomana araka ny fianakavianareo avy ianareo, dia araka ny antokonareo, araka ny voasoratr' i Davida, mpanjakan' ny Isiraely, sy araka ny voasoratr' i Solomona zanany koa. **5** Ary mitsangàna eo amin' ny fitoerana masìna araka ny fizaran' ny fianakavian' ny rahalahinareo amin' ny vahoaka sy araka ny fizaran' ny fianakavian' ny Levita. **6** Dia vonoy ny Paska, sady hamasino ny tenanareo, ka manamboara ho an' ny rahalahinareo, hanaovana araka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Mosesy. **7** Ary ny vahoaka izay vory teo dia nomen' i losia zanak' ondry sy zanak' osy, telo alina no isany hatao Paska avokoa ireo sy omby telo arivo; avy tamin' ny fananan' ny mpanjaka ireo. **8** Ary ny mpanapaka nanome an-tsitrapo ho an' ny olona sy ho an' ny mpisorona sy ny Levita. Ary Hilkia sy Zakaria sy Jehiela, mpanapaka ny tranon' Andriamanitra, nanome ondry aman' osy enin-jato amby roa arivo ho an' ny mpisorona hatao Paska ary omby telon-jato. **9** Ary Konania sy Semaia sy Netanela rahalahiny ary Hasabia sy Jeiela sy Jozabada, lehiben' ny Levita, nanome ondry aman' osy dimy arivo ho an' ny Levita hatao Paska ary omby dimam-jato. **10** Koa dia vonona ny zavatra; ary ny mpisorona nitsangana teo amin' ny fitoerany avy, ary ny Levita araka ny antokony avy, araka ny didin' ny mpanjaka. **11** Dia novonoin' ny olona ny Paska, ary natopin' ny mpisorona ny rà teny an-tànany, dia vao nohodiran' ny Levita kosa. **12** Dia natokany ny fanatitra dorana homen' ny olona araka ny fizaran' ny fianakaviany, mba hateriny ho an' i Jehovah araka izay voasoratra ao amin' ny bokin' i Mosesy. Ary toy izany koa tamin' ny omby. **13** Ary ny Paska natsatsika tamin' ny afo araka ny fanao; fa ny zava-masìna kosa nandrahoiny tao anaty vilany sy vilanibe ary kasiteronina, dia nozarainy faingana tamin' ny olona rehetra izany. **14** Ary rehefa afaka izany, dia nanamboatra io an' ny tenany sy ny mpisorona izy; fa ny mpisorona, taranak' i Arona, nanatitra ny fanatitra dorana sy ny saborany mandra-pahalin' ny andro; fa ny Levita kosa nanamboatra ny Paska ho an' ny tenany sy ny mpisorona, taranak' i Arona. **15** Ary ny mpihira, taranak' i Asafa, nitoetra teo amin' ny fitoerany, araka ny didin' i

Davida sy Asafa sy Hemana ary Jedotona, mpahitan' ny mpanjaka, ary ny mpiandry varavarana dia teo amin' ny isam-bavahady; fa tsy afaka niala tamin' ny fanompoany ireo, ka ny Levita rahalahiny no nanamboatra ho azy. **16** Ary dia vonona androtrizay avokoa ny hatao fanompoana an' i Jehovah amin' ny hitandremana ny Paska sy ny hanaterana ny fanatitra dorana eo ambonin' ny alitaran' i Jehovah araka ny tenin' i Josia mpanjaka. **17** Ary ny Zanak' isiraely izay vory teo dia nitandrina ny paska fahizay sy ny andro firavoravoana hafitoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira. **18** Fa tsy nisy Paska notandremana toy izany teo amin' ny Isiraely na dia hatramin' ny andron' i Samoela mpaminany aza; ary ny mpanjakan' ny Isiraely rehetra tsy nisy nitandrina ny Paska tahaka izay nataon' i Josia sy ny mpisorona sy ny Levita ary ny Joda rehetra sy ny Isiraely izay vory teo ary ny mponina tany Jerosalema. **19** Tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folo nanjakan' i Josia no nitandremana izany Paska izany. **20** Ary rehefa afaka izany rehetra izany, nony efa namboarin' i Josia ny tempoly, dia niakatra Neko, mpanjakan' i Egypta, hiady tany Karkemisy eo amoron' i Eofrata; ary Josia nivoaka hiady aminy. **21** Fa Neko naniraka olona ho any aminy hanao hoe: Moa mifaninona akory izaho sy ianao, ry mpanjakan' ny Joda? Tsy ady aminao izao anio izao, fa amin' ny fahavaloko, sady nasain' Andriamanitra handeha faingana aho; koa aza manohitra an' Andriamanitra Izay momba ahy, fandrao matiny ianao. **22** Fa Josia tsy nety nihodina niala taminy, fa nody olon-kafa mba hiady taminy ka tsy nety nihaino ny tenin' i Neko, izay nampilazain' Andriamanitra azy, fa nandeha hiady taminy ihany teo amin' ny lohasahan' i Megido. **23** Ary ny mpandefa tsipìka nahavoa an' i Josia mpanjaka; dia hoy ny mpanjaka tamin' ny mpanompony: Ento miala eto aho; fa voa mafy aho. **24** Dia nesorin' ny mpanompony tamin' izany kalesy izany izy, ka napetrany teo amin' ny kalesiny faharoa ary nentiny ho any Jerosalema; dia maty izy ka nalevina tao am-pasan-drazany. Ary ny Joda sy Jerosalema rehetra dia nisaona an' i Josia. **25** Ary Jeremia dia nanao hira fisaonana an' i Josia, ary ny mpihiralahy sy ny mpihiravavy rehetra dia mahatsiahy an' i Josia mandraka androany, raha manao hira fisaonana, ka nataony fanao teo amin' ny Isiraely izany; ary, indro, efa voasoratra ao amin' ny fihirana fisaonana izany. **26** Ary ny tantaran' i Josia sisa mbamin' ny soa nataony, araka izay efa voasoratra ao amin' ny lalàn' i Jehovah, **27** dia ny asany voalohany sy farany, indro, efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Isiraely sy ny Joda izany.

36 Ary ny vahoaka naka an' i Joahaza, zanak' i Josia, ka nampanjaka azy tany Jerosalema handimby andrainy. **2** Telo amby roa-polo taona loahaza, fony izy vao nanjaka, ary telo volana no nanjakany tany Jerosalema. **3** Ary nesorin' ny mpanjakan' i Egypta tany Jerosalema izy, sady nampandoaviny sazy talenta volafotsy zato sy talenta volamena iray ny fanjakana. **4** Ary ny mpanjakan' i Egypta nampanjaka an' i Eliakima, rahalahin' i Joahaza, tamin' ny Joda sy Jerosalema, ary ny anarany dia novany hoe Joiakima; ary Joahaza rahalahiny kosa dia nalainy ka nentiny ho any Egypta. **5** Dimy amby roa-polo taona Joiakima, fony izy vao nanjaka, ary iraika ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah Andriamaniny izy. **6** Ary Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, dia niakatra namely azy ka namatotra azy tamin' ny gadra varahina mba hitondra azy ho any Babylona. **7** Ary ny fanaka sasany tao an-tranon' i Jehovah dia nentin' i Nebokadnezara ho any Babylona koa ka nataony tao amin' ny tempoliny tany Babylona. **8** Ary ny tantaran' i Joiakima sisa sy ny fahavetavetana nataony mbamin' izay toetoeny rehetra, dia, indro, efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny mpanjakan' ny Isiraely sy ny Joda izany; ary Joiakina zanany no nanjaka nandimby azy. **9** Valo taona Joiakina, fony izy vao nanjaka, ary telo volana sy hafoloana no nanjakany tany Jerosalema; ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy. **10** Ary nony niherina ny taona, dia naniraka Nebokadnezara mpanjaka ka nitondra azy mbamin' ny fanaka tsara tao an-tranon' i Jehovah ho any Babylona, dia nampanjaka an' i Zedekia rahalahin-drainy tamin' ny Joda sy Jerosalema izy. **11** Iraika amby roa-polo taona Zedekia, fony izy vao nanjaka, ary iraika ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema. **12** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah Andriamaniny izy, fa tsy nanetry tena teo anatrehan' i Jeremia mpaminany, izay nilaza ny tenin' Andriamanitra. **13** Ary nikomy tamin' i Nebokadnezara mpanjaka izay efa nampianiana azy tamin' Andriamanitra koa izy; ary nanamafy ny hatony sy nanasarotra ny fony izy mba tsy hiverina ho amin' Andriamanitry ny Isiraely. **14** Ary ny lehibe rehetra tamin' ny mpisorona sy ny vahoaka koa nanao izay mahadiso indrindra araka ny fahavetavetana rehetra fanaon' ny jentilisa ka nandoto ny tranon' i Jehovah tany Jerosalema izay nohamasininy. **15** Kanefa Jehovah, Andriamanitry ny razany, nampitondra teny ny iraka izay nirahiny ho any aminy; eny, nifoha maraina koa Izy ka naniraka, fa namindra fo tamin' ny olony sy ny fonenany. **16** Kanjo ny olona nihomehy ireny irak' Andriamanitra ireny sady nanazimba ny teniny sy namazivazy ny mpaminaniny mandra-pihatry ny fahatezeran' i Jehovah taminy, ka tsy nisy nahavonjy azy. **17** Koa nentiny namely azy ny mpanjakan' ny Kaldeana, izay namono ny zatovony tamin' ny sabatra tao an-trano fitoerana masìna, ary tsy nisy namindrany fo, na zatovo na virijina, na ny antitra sy ny fotsy volo; fa izy rehetra dia natolony ho eo an-tànany avokoa. **18** Ary ny fanaka rehetra tao an-tranon' Andriamanitra, na ny vaventy na ny madinika, mbamin' ny rakitry ny tranon' i Jehovah ary ny rakitry ny mpanjaka sy ny mpanapaka, ireny rehetra ireny dia nentiny ho any Babylona avokoa. **19** Dia nodorany koa ny tranon' Andriamanitra, ary noravany ny mandan' i Jerosalema; ny lapan' andriana rehetra tao koa dia nodorany tamin' ny afo, ary ny fanaka tsara rehetra tao nosimbany. **20** Ary ny olona sisa tsy matin-tsabatra dia nentiny ho babo tany Babylona, ka tonga mpanompo azy sy ny zanany ireny mandra-panjakan' ny mpanjakan' i Persia, **21** hanatanterahana ny tenin' i Jehovah nampilazaina an' i Jeremia, mandra-panonitry ny tany ny Sabatany; fa tamin' ny andro rehetra izay nahafoanany dia natsahatra ny tany

mba hanonitra ny Sabatany mandra-pahatapitry ny fitopolo taona. **22** Ary tamin' ny taona voalohany nanjakan' i Kyrosy, mpanjakan' i Perisa, dia notairin' i Jehovah ny fanahin' i Kyrosy mpanjakan' i Persia, mba hanatanteraka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Jeremia, ka dia nandefa teny eran' ny fanjakany rehetra izy, sady nataony an-tsoratra koa izany hoe: **23** Izao no lazain' i Kyrosy, mpanjakan' i Persia: Ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany dia efa nomen' i Jehovah, Andriamanitry ny lanitra, ahy; ary Izy efa nandidy ahy hanao trano ho Azy any Jerosalema, izay any Joda. Koa iza avy moa aminareo rehetra no olony? Jehovah Andriamaniny anie nomba azy, fa aoka hiakatra izy.

Ezra

1 Ary tamin' ny taona voalohany nanjakan' i Kyrosy, mpanjakan' i Persia, dia notairin' i Jehovah ny fanahin' i Kyrosy, mpanjakan' i Persia, mba hanatanteraka ny tenin' i Jehovah izay nampilazainy an' i Jeremia, ka dia nandefa teny eran' ny fanjakany rehetra izy, sady nataony an-tsoratra koa izany hoe: **2** Izao no lazain' i Kyrosy, mpanjakan' i Persia: Ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany dia efa nomen' i Jehovah, Andriamanitry ny lanitra, ahy; ary Izy efa nandidy ahy hanao trano ho Azy any Jerosalema izay any Joda. **3** Koa iza avy moa aminareo rehetra no olony? Andriamaniny anie homba azy, fa aoka hiakatra any Jerosalema izay any Joda izy ka hanao ny tranon' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, Izy no Andriamanitra Izay any Jerosalema. **4** Ary na iza na iza sisa tratra, dia aoka ny tompon-tany ao amin' izay ivahiniany hanome azy volafotsy sy volamena sy fanaka ary biby fiompy mbamin' ny fanati-tsitrapo ho an' ny tranon' Andriamanitra, izay any Jerosalema. **5** Dia niainga ny lohan' ny firenen' i Joda sy Benjamina sy ny mpisorona sy ny Levita, dia izay rehetra efa namporisihin' Andriamanitra hiakatra hanao ny tranon' i Jehovah any Jerosalema. **6** Ary izay rehetra manodidina dia nampahery ny tànan' ireo tamin' ny fanaka volafotsy sy volamena sy fanaka hafa sy biby fiompy ary zava-tsoa mbamin' izay rehetra nateriny tamin' ny sitrapo. **7** Dia navoak' i Kyrosy mpanjaka ny fanaky ny tranon' i Jehovah, izay efa nalain' i Nebokadnezara tany Jerosalema ka efa nataony tao an-tranon' ireo andriamaniny. **8** Ary Mitredata, mpitahiry ny haren' ny fanjakana, dia nasain' i Kyrosy, mpanjakan' i Persia; namoaka ireny, ka nisainy sady natolony an' i Sesbazara, lehiben' ny firenen' i Joda. **9** Ary izao no isany: Lovia volamena telo-polo, lovia volafotsy arivo, antsy sivy amby roa-polo, **10** kapoaka volamena misarona telo-polo, lovia volafotsy manarakaraka folo amby efa-jato, ary lovia hafa koa arivo; **11** efa-jato amby dimy arivo no isan' ny fanaka volamena sy volafotsy rehetra. Ireo rehetra ireo dia nentin' i Sesbazara niaraka nankany Jerosalema tamin' ny babo izay niverina avy tany Babylona.

2 Ary izao no olona amin' izany tany izany izay niakatra avy amin' ny fahababoana, izay nobaboin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, ka nentiny ho any Babylona, ary niverina ho any Jerosalema sy Joda, samy ho any an-tanànany avy, **2** dia ny olona izay niaraka tamin' i Zerobabela sy Jesoa sy Nehemia sy Seraia sy Relaia sy Mordekay sy Bilsana sy Mispara sy Bigvay sy Rehoma ary Bana. Ary ny isan' ny lehilahy tamin' ny Isiraely dia izao: **3** Ny taranak' i Parosy dia roa amby fito-polo amby zato sy roa arivo; **4** ny taranak' i Sefatia dia roa amby fito-polo amby telon-jato; **5** ny taranak' i Ara dia dimy amby fito-polo amby fiton-jato; **6** ny taranak' i Pahatamoaba, avy tamin' ny zanak' i Jesoa sy Joaba, dia roa ambin' ny folo amby valon-jato sy roa arivo; **7** ny taranak' i Eliama dia efatra amby dimam-polo amby roan-jato sy arivo; **8** ny taranak' i Zato dia dimy amby efa-polo amby sivin-jato; **9** ny taranak' i Zakay dia enim-polo amby fiton-jato; **10** ny taranak' i Bany dia roa amby efa-polo amby enin-jato; **11** ny taranak' i Bebay dia telo amby roa-polo amby enin-jato; **12** ny taranak' i Azgada dia roa amby roa-polo amby roan-jato sy arivo; **13** ny taranak' i Adonikama dia enina amby enim-polo amby enin-jato; **14** ny taranak' i Bigvay dia enina amby dimam-polo sy roa arivo; **15** ny taranak' i Adina dia efatra amby dimam-polo amby efa-jato; **16** ny taranak' i Atera, avy tamin' i Hezekia, dia valo amby sivi-folo; **17** ny taranak' i Bezay dia telo amby roa-polo amby telon-jato; **18** ny taranak' i Jora dia roa ambin' ny folo amby zato; **19** ny taranak' i Hasoma dia telo amby roa-polo amby roan-jato; **20** ny zanak' i Gibara dia dimy amby sivi-folo; **21** ny zanak' i Betlehema dia telo amby roa-polo amby zato; **22** ny mponina tany Netofa dia enina amby dimam-polo; **23** ny mponina tany Anatota dia valo amby roa-polo amby zato; **24** ny zanak' i Azmaveta dia roa amby efa-polo; **25** ny zanak' i Kiriat-arima sy Kefira ary Berota dia telo amby efa-polo amby fiton-jato; **26** ny zanak' i Rama sy Gaba dia iraika amby roa-polo amby enin-jato; **27** ny mponina tany Mikmasy dia roa amby roa-polo amby zato; **28** ny mponina tany Betela sy Ay dia telo amby roa-polo amby roan-jato; **29** ny zanak' i Nebo dia roa amby dimam-polo; **30** ny taranak i Magbisy dia enina amby dimam-polo amby zato; **31** ny zanak' ilay Elama anankiray dia efatra amby dimam-polo amby roan-jato sy arivo; **32** ny taranak' i Harima dia roa-polo amby telon-jato; **33** ny zanak' i Loda sy Hadida ary Ono dia dimy amby roa-polo amby fiton-jato; **34** ny zanak' i Jeriko dia dimy amby efa-polo amby telon-jato; **35** ny zanak' i Sena dia telo-polo amby enin-jato sy telo arivo. **36** Ary ny mpisorona koa dia izao: Ny taranak' i Jedaia, avy tamin' ny mpianakavin' i Jesoa, dia telo amby fito-polo amby sivin-jato; **37** ny taranak' Imera dia roa amby dimam-polo sy arivo; **38** ny taranak' i Pasora dia fito amby efa-polo amby roan-jato sy arivo; **39** ny taranak' i Harima dia fito ambin' ny folo sy arivo. **40** Ary ny Levita koa dia izao: Ny taranak' i Jesoa sy Kadmiela, avy tamin' ny taranak' i Hodavia, dia efatra amby fito-polo. **41** Ary ny mpihira koa dia izao; Ny taranak' i Asafa dia valo amby roa-polo amby zato. **42** Ary ny taranaky ny mpiandry varavarana koa dia izao: Ny taranak' i Saloma, ny taranak' i Atera, ny taranak' i Talmona, ny taranak' i Akoba, ny taranak' i Hatita, ny taranak' i Sobay, dia sivy amby telo-polo amby zato izy rehetra. **43** Ary ny Netinima koa dia izao: Ny taranak' i Ziha, ny taranak' i Hasofa, ny taranak' i Tabaota, **44** ny taranak' i Kerosa, ny taranak' i Siaha, ny taranak' i Padona, **45** ny taranak' i Lebana, ny taranak' i Hagabaha, ny taranak' i Akoba, **46** ny taranak' i Hagaba, ny taranak' i Salmay, ny taranak' i Hanana, **47** ny taranak' i Gidela, ny taranak' i Gahara, ny taranak' i Reaia, **48** ny taranak' i Rezina, ny taranak' i Nekoda, ny taranak' i Gazama, **49** ny taranak' i Oza, ny taranak' i Pasea, ny taranak' i Besay, **50** ny taranak' i Asna, ny taranaky ny Meonita, ny taranaky ny Nefisita, **51** ny taranak' i Bakboka, ny taranak' i Hakofa, ny taranak' i Harora, **52** ny taranak' i Bazlota, ny taranak' i Mehida, ny taranak' i Harsa, **53** ny taranak' i Barkosa, ny taranak' i Sisera, ny taranak' i Tema, **54** ny taranak' i Nezia, ny taranak' i Hatifa. **55** Ary ny taranaky

ny mpanompon' i Solomona koa dia izao: Ny taranak' i Sotahy, ny taranak' i Sofereta, ny taranak' i Peroda, **56** ny taranak' i Jala, ny taranak' i Darkona, ny taranak' i Gidela, **57** ny taranak' i Sefatia, ny taranak' i Hatila, ny taranak' i Pokereta-hazebaima, ny taranak' i Amy. **58** Ny Netinima rehetra sy ny taranaky ny mpanompon' i Solomona dia roa amby sivi-folo amby telon-jato. **59** Ary izao no niakatra avy tany Tela-mela sy Tela-harsa sy Keroba sy Adana ary Imera (fa tsy nahalaza ny fianakaviany sy ny firazanany izy, na avy tamin' ny Isiraely, na tsia): **60** ny taranak' i Delaia, ny taranak' i Tobia, ny taranak' i Nekoda, dia roa amby dimam-polo amby enin-jato. **61** Ary ny avy tamin' ny taranaky ny mpisorona dia izao: Ny taranak' i Habaia, ny taranak' i Hakoza, ny taranak' i Barzilay; nampaka-bady avy tamin' ny zanakavavin' i Barzilay Gileadita io, ka dia notononina araka ny anarany. **62** Ireo no nitady ny soratra filazana ny razany, fa tsy hita izany; dia natao ho tsy madio izy ka nesorina tamin' ny fisoronana. **63** Ary ny governora nilaza taminy fa tsy mahazo mihinana ny zavatra masìna indrindra izy mandra-pitsangan' izay mpisorona anankiray mitondra ny Orima sy Tomima. **64** Ny tontalin' ny olona rehetra dia enim-polo amby telon-jato amby roa arivo sy efatra alina, **65** afa-tsy ny ankizilahiny sy ny ankizivaviny fito amby telo-polo amby telon-jato sy fito arivo; ary nisy mpihiralahy sy mpihiravavy roan-jato teo aminy; **66** ny soavaliny dia enina amby telo-polo amby fiton-jato; ny ampondrany dia dimy amby efa-polo amby roan-jato; **67** ny ramevany dia dimy amby telo-polo amby efa-jato; ny borikiny dia roa-polo amby fiton-jato sy enina arivo. **68** Ary ny sasany tamin' ny lohan' ny fianakaviana, rehefa tonga tao an-tranon' i Jehovah tany Jerosalema, dia nanatitra tamin' ny sitrapo hananganana ny tranon' Andriamanitra eo amin' ilay efa niorenany. **69** Nanome araka izay nananany avy izy hanampy ny vola voavory hanaovana ny asa, dia darika volamena arivo sy enina alina ary mane volafotsy dimy arivo ary akanjo-mpisorona zato. **70** Ary samy tafapetraka teny an-tanànany avy ny mpisorona sy ny Levita sy ny sasany tamin' ny vahoaka sy ny mpihira sy ny mpiandry varavarana ary ny Netinima, dia ny Isiraely rehetra samy tao an-tanànany avy.

3 Ary nony tonga ny volana fahafito, rehefa tafapetraka teny amin' ny tanànany avy ny Zanak' Isiraely, dia nivory tany Jerosalema toy ny olona iray izy. **2** Dia nitsangana Jesoa, zanak' i Jozadaka, sy ny mpisorona rahalahiny ary Zerobabela, zanak' i Sealtiela, sy ny rahalahiny ka nanorina ny alitaran' Andriamanitry ny Isiraely hanaterana fanatitra dorana eo amboniny, araka izay voasoratra ao amin' ny lalàn' i Mosesy, lehilahin' Andriamanitra. **3** Dia naoriny teo amin' ilay efa niorenany ihany ny alitara, satria natahotra ny tompon-tany izy, ary nanatitra fanatitra dorana teo amboniny ho an' i Jehovah izy, dia ny fanatitra dorana marain-tsy hariva. **4** Ary nitandrina ny andro firavoravoana fitoerana ao amin' ny trano rantsan-kazo koa izy, araka ny voasoratra, sy ny amin' ny fanatitra dorana isan' andro araka ny isany avy, tahaka ny fanao, araka izay voatendry hatao isan' andro avy. **5** Ary rehefa afaka izany, dia nanatitra ny fanatitra dorana mandrakariva izy sy ilay fanao amin' ny voaloham-bolana sy amin' ny fotoam-pivavahana nohamasinina rehetra izay voatendrin' i Jehovah ary ny avy amin' izay rehetra nanatitra fanati-tsitrapo ho an' i Jehovah. **6** Tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahafito no niantomboka nanatitra fanatitra dorana ho an' i Jehovah izy. Nefa tsy mbola natao ny fanorenan' ny tempolin' i Jehovah. **7** Ary nomeny vola ny mpipai-bato sy ny mpandrafitra, ary ny any Tyro sy ny any Sidona dia nomeny zavatra hohanina sy hosotroina sy diloilo mba hitondrany hazo sedera avy any Libanona hatramin' ny ranomasina any Jopa, araka ny teny efa azony tamin' i Kyrosy, mpanjakan' i Persia. **8** Ary tamin' ny volana faharoa tamin' ny taona faharoa taorian' ny nahatongavany tany amin' ny tranon' Andriamanitra tany Jerosalema dia niantomboka Zerobabela, zanak' i Sealtiela, sy Jesoa, zanak' i Jozadaka, mbamin' ny rahalahiny sisa, dia ny mpisorona sy ny Levita ary izay rehetra tonga tany Jerosalema avy tany amin' ny fahababoana, ka nanendry ny Levita izay hatramin' ny roa-polo taona no ho miakatra izy ho tonian' ny asa amin' ny tranon' i Jehovah. **9** Dia niara-nitsangana Jesoa sy ny zanany ary ny rahalahiny, ary Kadmiela sy ny zanany, zanak' i Joda, ho tonian' ny mpiasa tamin' ny tranon' Andriamanitra, ary ny zanak' i Henadada koa mbamin' ny zanany sy ny Levita rahalahiny. **10** Ary rehefa naorin' ny mpiasa ny tempolin' i Jehovah, dia nasainy hidera an' i Jehovah ny mpisorona, sady niakanjo ny akanjony sy nitondra trompetra, ary ny Levita, zanak' i Asafa, kosa nitondra kipantsona, araka ny nandidian' i Davida, mpanjakan' ny Isiraely. **11** Dia nanao hira nifamalivaly nidera sy nisaotra an' i Jehovah izy, fa tsara Izy, fa mandrakizay ny famindram-pony amin' ny Isiraely. Dia nihoby mafy ny olona rehetra, raha nidera an' i Jehovah, satria vita ny fanorenan' ny tranon' i Jehovah. **12** Nefa maro ny mpisorona sy ny Levita ary ny lohan' ny fianakaviana, dia ny antitra izay efa nahita ny trano voalohany, no nitomany mafy dia mafy, nony naorina teo imasony izany trano izany; nefa maro kosa no nanandratra ny feony nihoby sy nifaly; **13** ka dia tsy fantatry ny olona izay fifaliana na izay fitomaniana noho izany horakoraka be izany, fa nihoby mafy ny olona, ka re lavitra ny horakoraka.

4 Ary nony ren' ny fahavalon' ny Joda sy ny Benjamina fa ireo efa nody avy tamin' ny fahababoana dia efa manao tempoly ho an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, **2** dia nanatona an' i Zerobabela sy ny lohan' ny fianakaviana izy ka nanao taminy hoe: Aoka mba hiara-manao aminareo izahay, fa mitady an' Andriamanitrareo tahaka anareo ihany koa izahay, ary ho Azy no namonoanay zavatra hatao fanatitra hatramin' ny andron' i Esara-hadona, mpanjakan' i Asyria, izay efa nampakatra anay ho atỳ. **3** Fa Zerobabela sy Jesoa mbamin' ny namany lohan' ny fianakaviana tamin' ny Isiraely namaly azy hoe: Tsy misy raharaha hikambananareo aminay amin' ny hanaovana trano ho an' Andriamanitray; fa izahay ihany no hanao trano ho an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, araka izay efa nandidian' itompokolahy Kyrosy, mpanjakan' i Persia, anay. **4** Ary ny tompon-tany nanao izay hampiraviravy tanana ny Jiosy sy nandevilevy azy mba tsy hanao ny trano **5** sady

nanamby olona hanome hevitra hanohitra azy hahafoana ny heviny hatramin' ny andro nanjakan' i Kyrosy tany Persia ka hatramin' ny nanjakan' i Dariosy, mpanjakan' i Persia. **6** Ary raha vao nanjaka Ahasoerosy, dia nanoratra ho any aminy ireo hanendrikendrika ny mponina tany Joda sy Jerosalema. **7** Ary tamin' ny andron' i Artaksersesy no nanoratan' i Bislama sy Mitredata sy Tabela mbamin' ny namany sisa ho any amin' i Artaksersesy, mpanjakan' i Persia; ary ny soratra tamin' ny taratasy dia nataony tarehin-tsoratra Syriana sady nataony teny Syriana koa. **8** Rehoma mpanolo-tsaina sy Simsay mpanoratra dia nanoratra taratasy ho any amin' i Artaksersesy mpanjaka hanendrikendrika an' i Jerosalema toy izao: **9** Rehoma mpanolo-tsaina sy Simsay mpanoratra ary ny namany sisa, dia ny Dinaïta, ny Afarsatkita, ny Tarpelita, ny Afarsaïta, ny Arkevita, ny Babyloniana, ny Sosanita, ny Dehavita sy ny Elamita, **10** mbamin' ny firenena sisa izay nentin' i Asnapara lehibe sady malaza ho babo, ka namponeniny tany an-tanàna Samaria sy tany amin' ny tany sasany etỳ an-dafin' ny ony etỳ ..... **11** Izao no teny amin' ny taratasy nampitondrainy ho any amin' i Artaksersesy mpanjaka: Ny lehilahy mpanomponao etỳ an-dafin' ny ony etỳ ..... **12** Aoka ho fantatry ny mpanjaka fa ny Jiosy, izay niakatra avy tany aminao hankatỳ aminay, dia efa tonga any Jerosalema ka manamboatra ilay tanàna fikomiana sady ratsy, dia mahavita ny mandany izy izao ary manamboatra ny fanorenany koa. **13** Koa aoka ho fantatry ny mpanjaka fa raha hatao io tanàna io, ka hatsangana indray ny mandany, dia tsy hety handoa hetra, na haba, na sara, izy; ka dia hahatonga fatiantoka ho an' ny fanjakana izany any aoriana. **14** Koa satria mahazo ny fivelomanay avy amin' ny lapan' ny mpanjaka izahay, dia tsy mety raha odianay tsy hita ny fatiantoky ny fanjakana, ka dia efa naniraka hampahafantatra ny mpanjaka izany izahay, **15** mba hizahana ny boky tantaran' ny razanao; dia ho hitanao eo amin' ny boky tantara, ka ho fantatrao fa tanàna fikomiana io tanàna io ka naha-fatiantoka ny mpanjaka sy ny tany maro, sady efa nisy fikomiana niseho tao hatrizay ela izay; koa izany no nandravana io tanàna io. **16** Ary mampahafantatra ny mpanjaka izahay fa raha hamboarina io tanàna io, ka vita ny mandany, dia tsy hanana fanjakana amin' ny etỳ an-dafin' ny ony etỳ intsony ianao. **17** Dia nampitondrain' ny mpanjaka ny valiny ho any amin-dRehoma mpanolo-tsaina sy Simsay mpanoratra mbamin' ny namany sisa izay nonina tany Samaria sy tany amin' ny tanàna sasany an-dafin' ny ony, nanao hoe: Fiadanana ..... **18** Ny taratasy izay nampitondrainareo ho atỳ aminay dia efa voavaky tsara teo anatrehako; **19** ary izaho nandidy, ka nasaiko nizahana, dia hita fa nanandra-tena nikomy tamin' ny mpanjaka maro hatrizay ela izay tokoa io tanàna io, ka nisy fikomiana sy fihodinana niseho teo. **20** Ary efa nisy mpanjaka mahery izay nanjaka tany Jerosalema nanapaka ny tany rehetra any an-dafin' ny ony ka nandoavana hetra sy haba ary sara. **21** Koa dia manaova didy hampitsahatra ireo olona ireo, mba tsy hamboarina io tanàna io, raha tsy mahazo teny avy atỳ amiko. **22** Ary tandremo tsara, fandrao misy tsy vitanareo izany; fa nahoana no havela handroso ny ratsy ka hahatonga fatiantoka ho an' ny fanjakana? **23** Ary rehefa voavaky teo anatrehan-dRehoma mpanolo-tsaina sy Simsay mpanoratra mbamin' ny namany ny taratasin' i Artaksersesy mpanjaka, dia niakatra faingana ho any Jerosalema ho any amin' ny Jiosy izy ka nampitsahatra azy an-keriny. **24** Dia natsahatra tsy natao ny tranon' Andriamanitra, izay tany Jerosalema; ary mbola nitsahatra ihany izany hatramin' ny taona faharoa nanjakan' i Dariosy, mpanjakan' i Persia.

5 Ary ny mpaminany, dia Hagay mpaminany sy Zakaria, zanak' Ido, naminany tamin' ny Jiosy tany Joda sy Jerosalema tamin' ny anaran' Andriamanitry ny Isiraely izay tao aminy. **2** Dia nitsangana Zerobabela, zanak' i Sealtiela, sy Jesoa, zanak' i Jozadaka, ka nanomboka nanao ny tranon' Andriamanitra any Jerosalema indray; ary ireo mpaminanin' Andriamanitra ireo dia teo aminy ka nanampy azy. **3** Ary tamin' izany andro izany ihany koa dia nankany amin' ireo Tatenay, governoran' ny etỳ an-dafin' ny ony etỳ, sy Setara-bozenay mbamin' ny namany; ka izao no nataony taminy: Iza no nandidy anareo hanao io trano io sy hahavita io manda io? **4** Ary izao koa no nataonay taminy Iza avy no anaran' izay lehilahy manao io trano io? **5** Nefa ny mason' Andriamaniny nitsinjo ny loholon' ny Joda, ka tsy nahasakana azy ireo, mandra-pahatongan' ny teny ho any amin' i Dariosy sy ny nahazoany ny valiny ny amin' izany raharaha izany. **6** Ny tenin' ny taratasy izay nampitondrain' i Tatenay, governoran' ny etỳ an-dafin' ny ony etỳ, sy Setara-bozenay ary ny Afarsekita namany, izay amin' ny etỳ an-dafin' ny ony etỳ; ho any amin' i Dariosy mpanjaka; **7** eny, nampitondrainy ho any aminy ny taratasy izay nisy teny toy izao: Ho an' i Dariosy mpanjaka anie ny fiadanana be. **8** Aoka ho fantatry ny mpanjaka fa nankany amin' ny tany Joda izahay ho any an-tranon' Andriamanitra lehibe, izay atao amin' ny vato vaventy, sady misy hazo alatsaka amin' ny rindrin-trano, ary mandroso tsara izany asa izany sady ambinina eo an-tànany. **9** Dia nanontany ireo loholona ireo izahay nanao hoe: Iza no nandidy anareo hanao io trano io sy hanangana io manda io? **10** Nanontany ny anarany avy koa izahay mba hampahafantarinay anao sy hosoratanay ny anaran' ny olona izay lohany; **11** ka izao no teny navaliny anay: Izahay dia mpanompon' Andriamanitry ny lanitra sy ny tany ka manamboatra ny trano izay efa vita ela, fa ny mpanjaka lehibe anankiray tamin' ny Isiraely no nanao sy nahavita azy. **12** Fa noho ny nampahatezeran' ny razanay an' Andriamanitry ny lanitra, dia natolony izy ho eo an-tànan' i Nebokadnezara Kaldeana, mpanjakan' i Babylona, izay efa nandrava io trano io ka nitondra ny olona ho babo tany Babylona. **13** Fa tamin' ny taona voalohany nanjakan' i Kyrosy, mpanjakan' i Babylona, kosa dia nanao didy Kyrosy mpanjaka, mba hatao indray io tranon' Andriamanitra io. **14** Ary ny fanaka volamena sy volafotsy momba ny tranon' Andriamanitra, izay efa nalain' i Nebokadnezara tao amin' ny tempoly tany Jerosalema ka nentiny ho any amin' ny tempoly any Babylona, dia nalain' i Kyrosy mpanjaka tao amin' ny tempoly any Babylona ka natolotra tamin' ny anankiray atao hoe Sesbazara, izay efa notendreny ho governora; **15** ary hoy izy taminy: Raiso ireo fanaka ireo, ka

andeha, apetraho ao amin' ny tempoly izay any Jerosalema; ary aoka ny tranon' Andriamanitra hatsangana eo amin' ilay efa niorenany ihany. **16** Dia avy Sesbazara ka nanao ny fanorenan' ny tranon' Andriamanitra any Jerosalema; ary hatramin' izany andro izany ka mandraka ankehitriny dia efa natao ihany izy, saingy tsy mbola vita. **17** Koa raha sitraky ny mpanjaka, aoka hizahana ny trano firaketan' ny mpanjaka, izay any Babylona, na misy didy nataon' i Kyrosy mpanjaka hanaovana io tranon' Andriamanitra any Jerosalema io, na tsia; ary aoka ny sitrapon' ny mpanjaka hambarany aminay ny amin' izany zavatra izany.

6 Ary tamin' izany Dariosy mpanjaka dia nandidy, ka nizahana ny trano fitehirizan-taratasy, izay nitehirizana ny rakitra tany Babylona. **2** Dia tao Akmeta, tao an-dapa izay any amin' ny tanin' ny Mediana, no nahitana horonan-taratasy anankiray, ka voasoratra teo izao tantara izao: **3** Tamin' ny taona voalohany nanjakan' i Kyrosy dia nandidy izy nanao hoe: Ny amin' ny tranon' Andriamanitra any Jerosalema, dia aoka hatao mihitsy izany ho fanateran' ny olona fanatitra, ary aoka hatao mafy ny fanorenany, ka enim-polo hakiho ny hahavony, ary enim-polo hakiho koa ny sakany, **4** dia vato vaventy telo an-dalana sy hazo vaovao iray an-dalana; ary aoka haloa avy amin' ny tranon' ny mpanjaka izay lany; **5** ary ny fanaky ny tranon' Andriamanitra, na ny volamena na ny volafotsy, izay nalain' i Nebokadnezara tao amin' ny tempoly tany Jerosalema ka nentiny ho any Babylona, dia aoka haverina ho any amin' ny tempoly any Jerosalema indray ireo, samy ho amin' ny fitoerany avy, ka aoka hapetraka ao an-tranon' Andriamanitra avokoa. **6** Koa amin' izany, ry Tatenay, governora any an-dafin' ny ony, sy ry Setara-bozenay mbamin' ny Afarsakita namanareo, izay any an-dafin' ny ony, mihataha ianareo. **7** Aza misakana ny fanaovana io tranon' Andriamanitra io; aoka ny mpanapaka ny Jiosy sy ny loholon' ny Jiosy hanao io tranon' Andriamanitra io eo amin' ilay efa niorenany ihany. **8** Ary izaho manao didy ny amin' ny hataonareo amin' ny loholon' ireo Jiosy ireo hanaovany izany tranon' Andriamanitra izany: aoka ny haren' ny mpanjaka, dia ny hetra avy amin' ny any an-dafin' ny ony, no handoavana marina izay lany ho an' ireo lehilahy ireo, mba tsy ho azon-tsampona izy. **9** Ary izay zavatra ilainy, na zanak' omby, na ondrilahy, na zanak' ondry, ho fanatitra dorana ho an' Andriamanitry ny lanitra, na vary tritika na sira, na divay sy diloilo, araka izay andidian' ny mpisorona any Jerosalema, dia aoka homena azy isan' andro isan' andro tsy tapaka izany, **10** mba hanaterany fanatitra ho hanitra ankasitrahana ho an' Andriamanitry ny lanitra sy hivavahany mba ho ela velona ny mpanjaka mbamin' ny zanany. **11** Ary izaho manao didy fa na iza na iza no mandika izao teny izao, dia aoka hangalana hazo avy amin' ny tranony, ary haorina, dia hahantona eo ny tenany; ary aoka hatao firinga ny tranony noho izany. **12** Ary Andriamanitra, Izay efa nampitoetra ny anarany teo, anie handringana ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra, izay maninjitra ny tanany handika ny didiko ka handrava izany tranon' Andriamanitra any Jerosalema izany. Izaho Dariosy no nanao ny didy; aoka hotovina marina tokoa izany. **13** Ary tamin' izany Tatenay, governora amin' ny etỳ an-dafin' ny ony etỳ, sy Setarabozenay mbamin' ny namany dia nankato marina izany teny efa nampitondrain' i Dariosy ho any aminy izany. **14** Dia nanao ny trano ny loholon' ny Jiosy ka nambinina noho ny faminanian' i Hagay mpaminany sy Zakaria, zanak' Ido. Ary nanao ny trano izy ka nahavita azy, araka ny didin' Andriamanitry ny Isiraely sy araka ny didin' i Kyrosy sy Dariosy ary Artaksersesy, mpanjakan' i Persia. **15** Dia vita io trano io tamin' ny andro fahatelo tamin' ny volana Adara tamin' ny taona fahenina nanjakan' i Dariosy mpanjaka. **16** Ary ny Zanak' Isiraely, na ny mpisorona, na ny Levita, na ny olona sisa izay nody avy tamin' ny fahababoana, dia nitokana io tranon' Andriamanitra io tamin' ny fifaliana; **17** ary ny nateriny hitokanana io tranon' Andriamanitra io dia omby zato sy ondrilahy roan-jato sy zanak' ondry efa-jato; ary ny ho fanatitra noho ny ota kosa ho an' ny Isiraely rehetra dia osilahy roa ambin ny folo, araka ny isan' ny firenen' Isiraely. **18** Dia nanendry ny mpisorona ho amin' ny firazanany avy sy ny Levita ho amin' ny antokony avy izy, hanao ny fanompoana an' Andriamanitra izay any Jerosalema, araka izay voasoratra ao amin' ny bokin' i Mosesy. **19** Ary ny olona izay efa nody avy tamin' ny fahababoana dia nitandrina ny Paska tamin' ny andro fahefatra ambin' ny folo tamin' ny volana voalohany; **20** fa ny mpisorona sy ny Levita samy efa nanadio ny tenany rahateo, dia nadio izy rehetra ka namono ny Paska ho an' izay rehetra efa nody avy tamin' ny fahababoana sy ho an' ny mpisorona rahalahiny ary ho an' ny tenany, **21** Dia nihinana izany ny Zanak' Isiraely izay efa nody avy tamin' ny fahababoana mbamin' izay rehetra niavaka ho namany ka niala tamin' ny fahalotoan' ny firenena tompon-tany hitady an' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, **22** ka dia nitandrina ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira hafitoana tamin' ny fifaliana izy; fa Jehovah efa nampifaly azy ary efa nampiova ny fon' ny mpanjakan' i Asyria hamindra fo aminy ka hampahery ny tànany tamin' ny nanaovany ny tranon' Andriamanitra, dia Andriamanitry ny Isiraely.

7 Ary rehefa afaka izany, tamin' ny nanjakan' i Artaksersesy, mpanjakan' i Persia, dia niakatra Ezra, zanak' i Seraia, zanak' i Azaria, zanak' i Hilklay **2** zanak' i Saloma, zanak' i Zadoka, zanak' i Ahitoba, **3** zanak' i Amaria, zanak' i Azaria, zanak' i Meraiota, **4** zanak' i Zerahia, zanak' i Ozy, zanak' i Boky, **5** zanak' i Abisoa, zanak' i Finehasa, zanak' i Eleazara, zanak' i Arona mpisoronabe; **6** io Ezra io dia niakatra avy tany Babylona (mpanora-dalàna izy sady nahay ny lalàn' i Mosesy, izay efa nomen' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely); ary nomen' ny mpanjaka azy izay rehetra nangatahiny, araka ny nomban' ny tànan' i Jehovah Andriamaniny azy. **7** Ary niakatra koa ny sasany amin' ny Zanak' Isiraely sy ny sasany amin' ny mpisorona mbamin' ny Levita sy ny mpihira sy ny mpiandry varavarana ary ny Netinima mba hankany Jerosalema tamin' ny taona fahafito nanjakan' i Artaksersesy mpanjaka. **8** Ary tonga tany Jerosalema

Ezra tamin' ny volana fahadimy tamin' ny taona fahafito nanjakan' ny mpanjaka. **9** Fa tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana voalohany no niaingany niakatra avy tany Babylona; ary tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahadimy no nahatongavany tany Jerosalema araka ny soa nataon' ny tànan' Andriamaniny taminy. **10** Fa Ezra nampiomana ny fony hitady ny lalàn' i Jehovah ka hankatò izany ary hampianatra ny Isiraely didy sy fitsipika. **11** Ary izao no tenin' ny taratasy izay nomen' i Artaksersesy mpanjaka an' i Ezra mpisorona, ilay mpanora-dalàna mahay ny tenin' ny lalàn' i Jehovah sy ny didiny tamin' ny Isiraely: **12** Artaksersesy, mpanjakan' ny mpanjaka, ho an' i Ezra mpisorona, mpanora-dalàna mahay tsara ny lalàn' Andriamanitry ny lanitra. **13** Izaho manao didy fa na iza na iza eto amin' ny fanjakako amin' ny olona Isiraely sy ny mpisorony ary ny Levita no te-hiaraka aminao hankany Jerosalema, dia mahazo mandeha izy. **14** Fa ianao efa nirahin' ny mpanjaka sy izy fito lahy mpanolo-tsainy handinika ny toetran' i Joda sy Jerosalema araka ny lalàn' Andriamanitrao izay eny an-tananao; **15** ary hitondra ny volafotsy sy ny volamena izay efa naterin' ny mpanjaka sy ireo mpanolo-tsaina tamin' ny sitrapo ho an' Andriamanitry ny Isiraely, Izay monina any Jerosalema; **16** ary ny volafotsy sy ny volamena rehetra izay ho azonao eran' ny tany Babylona sy ny fanati-tsitrapo aterin' ny olona sy ny mpisorona, dia izay ateriny amin' ny sitrapo hanaovany ny tranon' Andriamaniny, izay any Jerosalema. **17** Koa amin' izany dia ividiano omby sy ondrilahy sy zanak' ondry mbamin' ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra aidina momba azy amin' io vola io araka izay marina, ka atero eo ambonin' ny alitara ao an-tranon' Andriamanitrareo izay any Jerosalema ireny. **18** Ary izay rehetra sitrakao sy ny rahalahinao hatao amin' ny volafotsy sy ny volamena sisa, dia ataovy izany araka ny sitrapon' Andriamanitrareo. **19** Ary ny fanaka izay nomena anao hanaovana ny fanompoana ao an-tranon' Andriamanitrao dia atolory eo anatrehan' Andriamanitra any Jerosalema. **20** Ary izay rehetra mbola hilainao koa ka tsy maintsy haloanao ho an' ny tranon' Andriamanitrao dia alao ao amin' ny trano firaketan' ny mpanjaka. **21** Ary izaho, Artaksersesy mpanjaka, dia manao didy koa ho amin' ny mpitahiry ny haren' ny fanjakana rehetra izay any an-dafin' ny ony, fa na inona na inona no ilain' i Ezra mpisorona, mpanora-dalàna mahay ny lalàn' Andriamanitry ny lanitra, aminareo, dia tovy marina izany, **22** na hatramin' ny talenta volafotsy zato sy ny vary tritika zato kora sy ny divay zato bata sy ny diloilo zato bata ary ny sira tsy misy fatrany aza. **23** Na inona na inona andidian' Andriamanitry ny lanitra dia aoka hataonao tanteraka avokoa ho an' ny tranon' Andriamanitry ny lanitra; fa nahoana no havela hisy fahatezerana hihatra amin' ny fanjakan' ny mpanjaka sy ny zanany? **24** Ary mampahafantatra anareo koa izahay fa ny mpisorona rehetra sy ny Levita sy ny mpihira sy ny mpiandry varavarana sy ny Netinima ary ny mpanompo amin' io tranon' Andriamanitra io dia tsy mba hampandoavina hetra, na haba, na sara. **25** Ary ianao, ry Ezra, araka ny fahendren' Andriamanitrao izay eo an-tananao, dia manendre mpanapaka sy mpitsara, izay hitsara ny olona rehetra any an-dafin' ny ony, dia izay rehetra mahalala ny lalàn' Andriamanitrao; fa izay tsy mbola mahalala izany dia aoka hampianarinareo. **26** Ary na iza na iza tsy mety mankatò ny lalan' Andriamanitrao sy ny lalàn' ny mpanjaka, dia aoka hotsaraina marina izy na hovonoina, na horoahina, na hosazina, na hafatotra. **27** Isaorana anie Jehovah, Andriamanitry ny razantsika, Izay efa nanisy izany tao am-pon' ny mpanjaka hahatsara tarehy ny tranon' i Jehovah any Jerosalema. **28** sady efa nampahazo ahy famindram-po teo anatrehan' ny mpanjaka sy ireo mpanolo-tsainy ary ny mpanapaka lehibe rehetra ao amin' ny mpanjaka. Ary dia nampaherezina aho araka ny nomban' ny tanan' i Jehovah Andriamanitro ahy ka nahangona loholona tamin' ny Isiraely mba hiara-miakatra amiko.

8 Ary izao no lohan' ny fianakaviana sy filazana ny firazanan' ny olona izay niara-niakatra tamiko avy tany Babylona tamin' ny nanjakan' i Artaksersesy mpanjaka: **2** Gersoma, avy tamin' ny taranak' i Finehasa; Daniela, avy tamin' ny taranak' Itamara; Hatosy, avy tamin' ny taranak' i Davida; **3** Zakaria, avy tamin' ny taranak' i Sekania (avy tamin' ny zanak' i Parosy), mbamin' ny namany dimampolo amby zato lahy voasoratra araka ny firazanany; **4** Elihoenay, zanak' i Zerahia, avy tamin' ny taranak' i Pahatamoaba, mbamin' ny namany roan-jato lahy; **5** ny zanak' i Jahaziela, avy tamin' ny taranak' i Sekania, mbamin' ny namany telon-jato lahy; **6** Ebeda, zanak' i Jonatana, avy tamin' ny taranak' i Adina, mbamin' ny namany dimampolo lahy; **7** Jesaia, zanak' i Atalia, avy tamin' ny taranak' i Elama, mbamin' ny namany fito-polo lahy; **8** Zebadia, zanak' i Mikaela, avy tamin' ny taranak' i Sefatia, mbamin' ny namany valo-polo lahy; **9** Obadia, zanak' i Jehiela, avy tamin' ny taranak' i Joaba, mbamin' ny namany valo ambin' ny folo amby roan-jato lahy; **10** ny zanak' i Josifia, avy tamin' ny taranak' i Selomita, mbamin' ny namany enimpolo amby zato lahy; **11** Zakaria, zanak' i Bebay, avy tamin' ny taranak' i Bebay, mbamin' ny namany valo amby roapolo lahy, **12** Johanana, zanak' i Hakatana, avy tamin' ny taranak' i Azgada, mbamin' ny namany folo amby zato lahy; **13** ary ny avy tamin' ny taranak' i Adonikama, zandriny taoriana ireo, ary izao no anarany: Elifeleta sy Jeiela sy Semaia mbamin' ny namany enim-polo lahy, **14** Otahy sy Zaboda, avy tamin' ny taranak' i Bigvay, mbamin' ny namany fito-polo lahy. **15** Ary novoriko teo amoron' ny ony mankany Ahava izy, ka nilasy teo hateloana izahay; ary nony nandinika ny olona sy ny mpisorona aho, dia nahita fa tsy nisy taranak' i Levy teo na dia iray akory aza. **16** Ka dia nirahiko Eliezera sy Ariela sy Semaia sy Elnatana sy Jariba sy Elnatana sy Natana sy Zakaria sy Mesolama (samy loholona ireo) ary Joariba sy Elnatana (samy mpampianatra ireo). **17** Ary nampitondraiko teny ho any amin' Ido, loholona any Kasifia, ireo, ka nambarako azy izay teny holazainy amin' Ido sy ny Netinima rahalahiny any Kasifia, mba ho entiny any aminay izay ho mpanao fanompoam-pivavahana ao an-tranon' Andriamanitray. **18** Ary araka ny soa nataon' ny tànan' Andriamanitray taminay

no nitondrany olon-kendry anankiray ho any aminay avy tamin' ny taranak' i Maly, zanak' i Levy, zanak' Isiraely, ary Serebia, sy ny zanany mbamin' ny rahalahiny, valo ambin' ny folo lahy, **19** ary Hasabia sy Jesaia, avy tamin' ny taranak' i Merary, mbamin' ny rahalahiny ary ny zanany roa-polo lahy; **20** ary avy tamin' ny Netinima, izay notendren' i Davida sy ny mpanapaka hanompo ny Levita, dia roa-polo amby roan-jato lahy; notononina anarana avokoa ireo. **21** Dia niantso andro fifadian-kanina aho teo amoron' ny ony Ahava hampahorianay tena eo anatrehan' Andriamanitray, mba hangataka Azy hahalavorary ny dianay sy ny an' ny vady aman-janakay ary ny biby fiompinay rehetra. **22** Fa nahamenatra ahy ny hangataka miaramila sy mpitaingin-tsoavaly amin' ny mpanjaka hiaro anay amin' ny fahavalonay eny an-dalana, satria efa niteny tamin' ny mpanjaka izahay ka nanao hoe: Sy tànan' Andriamanitray mahasoa izay rehetra mitady Azy; fa ny heriny sy ny fahatezerany kosa mamely izay rehetra mahafoy Azy. **23** Ary nifady hanina izahay ka nangataka izany tamin' Andriamanitray, dia nihaino anay Izy. **24** Ary nanokana roa ambin' ny folo lahy tamin' ny lohan' ny mpisorona aho, dia Serebia sy Hasabia ary rahalahiny folo lahy ho namany, **25** ka nolanjaiko ny volafotsy sy ny volamena horaisiny mbamin' ny fanaka, dia ny fanatitra ho ao an-tranon' Andriamanitray, izay efa naterin' ny mpanjaka sy ireo mpanolotsainy sy ireo mpanapaka ary ny Isiraely rehetra izay vory teo; **26** eny, nolanjaiko hatolotra azy ny talenta volafotsy dimam-polo amby enin-jato sy fanaka volafotsy, lanjan' ny talenta zato, ary talenta volamena zato **27** sy kapoaka volamena misarona roa-polo, lanjan' ny darika arivo, ary fanaka varahina roa manganohano, tsara toy ny volamena. **28** Ary hoy izaho taminy: Hianareo dia masìna ho an' i Jehovah, sady masìna koa ny fanaka; ary ny volafotsy sy ny volamena dia fanati-tsitrapo ho an' i Jehovah, Andriamanitry ny razanareo. **29** Koa miambena ianareo, ka tandremo ireny mandra-pandanianareo azy indray eo anatrehan' ny lohan' ny mpisorona sy ny Levita ary ny lohan' ny fianakaviana amin' ny Isiraely any Jerosalema, dia amin' ny efi-trano ao an-tranon' i Jehovah. **30** Dia noraisin' ny mpisorona sy ny Levita izany volafotsy sy volamena ary fanaka voalanja izany mba ho entiny ho any Jerosalema ho ao an-tranon' Andriamanitray. **31** Dia niala teo amin' ny ony Ahava izahay tamin' ny andro faharoa ambin' ny folo tamin' ny volana voalohany mba hankany Jerosalema; ary ny tànan' Andriamanitray nomba anay, ka Izy no namonjy anay tamin' ny tanan' ny fahavalo sy ny mpanotrika teny an-dalana. **32** Ary nony tonga tany Jerosalema izahay, dia nijanona hateloana aloha. **33** Ary tamin' ny andro fahefatra no nandanjana ny volafotsy sy ny volamena ary ny fanaka ho eo an-tànan' i Meremota, zanak' i Oria mpisorona, tao an-tranon' Andriamanitray; ary teo aminy koa Eleazara, zanak' i Finehasa; ary teo amin' izy roa lahy koa Jozabada, zanak' i Jesoa, sy Noadia, zanak' i Binoy; Levita izy roa lahy ireo; **34** an-isany sy an-danjany izany rehetra izany; ary voasoratra tamin' izany andro izany ny lanjany rehetra. **35** Ary ny olona izay niverina avy tamin' ny fahababoana dia nanatitra fanatitra dorana ho an' Andriamanitry ny Isiraely, dia vantotr' ombilahy roa ambin' ny folo ho an' ny Isiraely rehetra sy ondrilahy enina amby sivifolo sy zanak' ondry fito amby fito-polo ary osilahy roa ambin' ny folo ho fanatitra noho ny ota: fanatitra dorana ho an' i Jehovah ireo rehetra ireo. **36** Ary ny didin' ny mpanjaka dia natolony tamin' ny solo-mpanjaka sy ny mpanapaka tamin' ny etỳ an-dafin' ny ony etỳ; ary izy ireo nampandroso ny olona sy ny tranon' Andriamanitra.

9 Ary rehefa vita izany rehetra izany, dia nanatona ahy ny mpanapaka ka nanao hoe: Ny Isiraely sy ny mpisorona ary ny Levita dia tsy mbola miavaka amin' ny olona tompon-tany, fa manao araka ny fahavetavetan' ny Kananita sy ny Hetita sy ny Perizita sy ny Jebosita sy ny Amonita sy ny Moabita sy ny Egyptiana ary ny Amorita ihany izy. **2** Fa efa naka tamin' ny zanakavavin' ireo ho vadiny sy ho vadin' ny zananilahy izy, ka efa miharoharo amin' ny olona tompon-tany ny taranaka masìna; eny, ny lehibe sy ny mpanapaka aza no nitari-dalana tamin' izany fahadisoana izany. **3** Ary nony nandre izany zavatra izany aho, dia nandriatra ny lambako sy ny akanjoko sady nandrompotra ny volon-dohako sy ny somotro, dia nipetraka tahaka ilay torana iny aho. **4** Dia nivory teo amiko izay rehetra nangovitra noho ny tenin' Andriamanitry ny Isiraely ny amin' ny fahadisoan' ny olona izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana; ary izaho mbola nipetraka tahaka ilay torana iny ihany hatramin' ny fotoan' ny fanatitra hariva. **5** Ary nony tamin' ny fotoan' ny fanatitra hariva dia nody ny aiko, ka nitsangana aho, sady nandriatra ny lambako sy ny akanjoko indray, dia nandohalika nanandratra ny tanako ho amin' i Jehovah Andriamanitro aho **6** ka nanao hoe: Andriamanitro ô, menatra sy mangaihay aho, raha miandrandra aminao, ry Andriamanitro ô; fa efa nihamaro mihoatra ny lohanay ny helokay, ary ny fahotanay dia lehibe manakatra ny lanitra; **7** fa hatramin' ny andron' ny razanay ka mandraka androany dia lehibe ny helokay; ary ny helokay no nanolorana anay sy ny mpanjakanay ary ny mpisoronay ho eo an-tànan' ny mpanjakan' ny tany hafa, hovonoin-tsabatra sy ho babo sy ho voaroba ary hangaihay tahaka ny amin' izao anio izao. **8** Koa ankehitriny vao niseho vetivety ny fahasoavana avy tamin' i Jehovah Andriamanitray tamin' ny namelany anay ho nisy sisa afaka sy tamin' ny nanomezany anay fihantonana eo amin' ny fitoerany masìna, mba hohazavain' Andriamanitray ny masonay ka homena famelombelomana kely amin' ny fahandevozanay izahay. **9** Fa andevo izahay, nefa tsy nafoin' Andriamanitray, na dia tamin' ny fahandevozanay aza, fa nataony nahazo famindram-po eto imason' ireo mpanjakan' i Persia ihany hanomezany anay famelombelomana, hananganany ny tranon' Andriamanitray sy hanamboaranay ny rava eo, ary hanomezany anay manda any Joda sy Jerosalema. **10** Koa ankehitriny, ry Andriamanitray ô, ahoana no holazainay amin' izany? Fa efa nahafoy ny didinao izahay, **11** dia ilay nampilazainao ny mpaminany mpanomponao hoe: Ny tany izay efa hidiranareo holovana dia tany maloto noho ny fahalotoan' ny tompon-tany sy ny fahavetavetany, izay efa nataony manenika azy noho ny fahalotoany; **12** koa

aza manome ny zanakareo-vavy ho vadin' ny zananilahy, na maka ny zananivavy ho vadin' ny zanakareo-lahy; aza mitady izay hiadanany na izay hahasoa azy mandrakizay, mba hahery ianareo ka hihinana ny soa avy amin' ny tany, dia hamela izany ho lovan' ny taranakareo mandrakizay. **13** Ary na dia efa nanjo anay aza izany rehetra izany noho ny asa ratsinay sy ny fahadisoanay betsaka, dia tsy nampijaly anay araka ny helokay Hianao Andriamanitray, fa efa namela anay ho nisy sisa afaka toy izao ihany, **14** fa raha handika ny didinao indray izahay ka hifanambady amin' ireny olom-betaveta ireny, moa tsy ho tezitra aminay mandra-pahalany ritranay va Hianao, ka tsy hisy sisa afaka akory? **15** Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô, marina Hianao, fa izahay no hany sisa afaka tahaka ny amin' izao anio izao; indreto izahay eto anatrehanao amin' ny fahadisoanay, fa noho izany dia tsy mahajanona eto anatrehanao izahay.

10 Ary raha mbola nivavaka sy nitsotra Ezra sady nitomany sy niankohoka teo anoloan' ny tranon' Andriamanitra, dia nivory teo aminy ny olona maro be avy tamin' ny Isiraely, na lehilahy, na vehivavy mbamin' ny ankizy madinika; fa nitomany mafy dia mafy koa ny olona. **2** Dia namaly Sekania, zanak' i Jehiela, isan' ny taranak' i Elama, ka nanao tamin' i Ezra hoe: Izahay efa nanao izay mahadiso amin' Andriamanitsika, fa efa naka vehivavy hafa firenena avy tamin' ny tompon-tany ho vadinay; nefa mbola misy fanantenana ihany ho an' ny Isiraely ny amin' izany zavatra izany. **3** Koa aoka izahay hanao fanekena amin' Andriamanitsika hisaotra ny vady rehetra sy hanary izay naterany araka ny anatra nataonao, tompokolahy, sy izay mangovitra noho ny didin' Andriamanitsika; ary aoka hatao araka ny lalàna izany. **4** Mitsangàna, fa adidinao izany; ary indreto koa izahay eto aminao; dia matokia tsara, ka ataovy izany. **5** Dia nitsangana Ezra ka nampianiana ny lohan' ny mpisorona sy ny Levita ary ny Isiraely rehetra hanao araka izany teny izany; dia nianiana ireo. **6** Dia nitsangana niala teo anoloan' ny tranon' Andriamanitra Ezra ka nankany amin' ny efi-trano nitoeran' i Johanana, zanak' i Eliasiba; ary nony tafiditra tao izy, dia tsy mba nihinan-kanina na nisotro rano, fa nalahelo izy noho ny fahadisoan' ny olona izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana. **7** Dia nandefa teny eran' i Joda sy Jerosalema ireo ho any amin' ny olona rehetra izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana mba hivory any Jerosalema; **8** ary na iza na iza no tsy tonga amin' ny hateloana araka ny tenin' ny mpanapaka sy ny loholona, dia horobaina ny fananany rehetra, ary hesorina amin' ny fiangonan' ny olona izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana izy. **9** Ary nony tamin' ny andro fahatelo dia vory tany Jerosalema ny lehilahy rehetra tamin' ny Joda sy ny Benjamina, dia tamin' ny andro faharoa-polo tamin' ny volana fahasivy; ary nipetraka teo an-kalalahana akaikin' ny tranon' Andriamanitra ny olona rehetra ka nangovitra noho izany zavatra izany sy noho ny ranonorana be. **10** Dia nitsangana Ezra mpisorona ka nanao taminy hoe: Hianareo efa nanao izay mahadiso, satria naka vehivavy hafa firenena ho vadinareo ka nampitombo ny fahadisoan' ny Isiraely. **11** Koa mitsora amin' i Jehovah, Andriamanitry ny razanareo, ka ataovy ny sitrapony; ary misaraha amin' ny olona tompon-tany sy ny vehivavy hafa firenena. **12** Dia namaly ny fiangonana rehetra ka niredona mafy hoe: Izay lazainao dia tsy maintsy hataonay; **13** nefa maro ny olona, ary fahavaratra ny andro, ka tsy mahatoetra etỳ ala-trano izahay, sady raharaha tsy vita indray andro na indroa andro aza izao, fa maro izahay no efa nanota tamin' izany zavatra izany; **14** koa aoka ny mpanapaka anay no hitoetra eto ho solon' ny fiangonana rehetra, ary ny olona rehetra any amin' ny tanànantsika avy izay efa naka vehivavy hafa firenena ho vadiny no aoka hankatỳ amin' izay fotoan' andro hatao, ary hiaraka aminy koa ny loholony isan-tanàna sy ny mpitsara ao, mandra-pahavitan' izany raharaha izany sy ny hialan' ny firehetan' ny fahatezeran' Andriamanitsika amintsika. **15** Jonatana, zanak' i Asahela, sy Jahaza, zanak' i Tikva, ihany no nanohitra izany; ary Mesolama sy Sabetahy Levita niandany taminy koa. **16** Fa ny olona izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana kosa dia nanaraka izany; ary voatokana Ezra mpisorona sy ny sasany amin' ny lohan' ny fianakaviana, araka ny fianakaviany avy, sady samy efa notononina anarana, dia nipetraka handinika Izany raharaha izany tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahafolo. **17** Ary nony tonga ny andro voalohany tamin' ny volana voalohany dia vitany ny raharaha ny amin' ny lehilahy rehetra Izay efa naka vehivavy hafa firenena ho vadiny. **18** Ary ny hita teo amin' ny taranaky ny mpisorona izay efa naka vehivavy hafa firenena ho vadiny dia izao: Ny teo amin' ny taranak' i Jesoa, zanak' i Jozadaka, sy ny rahalahiny dia Mahaseia sy Eliezera sy Jariba ary Gedalia; **19** dia nanola-tanana nanaiky hisaotra ny vadiny izy ireo sy handoa ondriny iray avy ho fanati-panonerany. **20** Ary ny avy tamin' ny taranak' Imera dia Hanany sy Zebedia; **21** ary ny avy tamin' ny taranak' i Harima dia Mahaseia sy Elia sy Semaia sy Jehiela ary Ozia; **22** ary ny avy tamin' ny taranak' i Pasora dia Elioenay sy Mahaseia sy Isimaela sy Netanela sy Jozabada ary Elasa. **23** Ary ny avy tamin' ny Levita dia Jozabada sy Simey sy Kelaia (Kelita izany) sy Petahia sy Joda ary Eliezera: **24** ary ny avy tamin' ny mpihira dia Eliasiba; ary ny avy tamin' ny mpiandry varavarana dia Saloma sy Talema ary Ory. **25** Ary ny avy tamin' ny Isiraely koa: ny avy tamin' ny taranak' i Parosy dia Ramia sy Jizia sy Malkia sy Miamina sy Eleazara sy Malkia ary Benaia; **26** ary ny avy tamin' ny taranak' i Elema dia Matania sy Zakaria sy Jehiela sy Abdia sy Jeremota ary Elia; **27** ary ny avy tamin' ny taranak' i Zato dia Elioenay sy Eliasiba sy Matania sy Jeremota sy Zabada ary Aziza; **28** ary ny avy tamin' ny taranak' i Bebay dia Johanana sy Hanania sy Zabay sy Atlay; **29** ary ny avy tamin' ny taranak' i Bany dia Mesolama sy Maloka sy Adaia sy Jasoba sy Seala ary Ramota; **30** ary ny avy tamin' ny taranak' i Pahata-moaba dia Adna sy Kelala sy Benaia sy Mahaseia sy Matania sy Bezalila sy Binoy ary Manase; **31** ary ny avy tamin' ny taranak' i Harima dia Eliezera sy Jisia sy Malkia sy Semaia sy Simeona **32** sy Benjamina sy Maloka ary Semaria; **33** ny avy tamin' ny taranak' i Hasoma dia Matenay sy Matata

sy Zabada sy Elifeleta sy Jeremay sy Manase ary Simey; **34** ny avy tamin' ny taranak' i Bany dia Maday sy Amrama sy Oela **35** sy Benaia sy Bedeia sy Keloho **36** sy Vania sy Meremota sy Eliasiba **37** sy Matania sy Matenay sy Jasao **38** sy Bany sy Binoy sy Simey **39** sy Selemia sy Natana sy Adaia **40** sy Maknadebay sy Sasay sy Saray **41** sy Azarela sy Selemia sy Semaria **42** sy Saloma sy Amaria ary Josefa; **43** ny avy tamin' ny taranak' i Nebo dia Jeiela sy Matitia sy Zabada sy Zebina sy Jadao sy Joela ary Benaia. **44** Ireny rehetra ireny no samy efa naka vehivavy hafa firenena ho vadiny avokoa, sady efa niteraka ny vehivavy sasany tamin' ireny

Nehemia

1 Ny tantaran' i Nehemia, zanak' i Hakalia. Tamin' ny volana Kisleo tamin' ny taona faharoa-polo, raha tany an-dapa any Sosana aho, **2** dia tonga Hanany, anankiray amin' ny rahalahiko, mbamin' ny lehilahy sasany avy tany Joda; ary nanontaniako azy ny amin' ny Jiosy efa afaka, izay sisa tamin' ny fahababoana, ary ny amin' i Jerosalema. **3** Ka hoy no navaliny ahy: Ny sisa tamin' ny fahababoana izay any amin' ny tany any dia mitondra fahoriana be sy latsa; ary voarodana ny mandan' i Jerosalema sady nodoran' ny afo ny vavahadiny. **4** Ary rehefa nandre izany teny izany aho, dia nipetraka nitomany sady niferinaina andro maro ary nifady hanina sy nivavaka teo anatrehan' Andriamanitry ny lanitra **5** ka nanao hoe: Indrisy! ry Jehovah, Andriamanitry ny lanitra, Andriamanitra lehibe sy mahatahotra, Izay mitandrina fanekena sy famindram-po amin' izay tia Azy sy mitandrina ny didiny, **6** aoka hihaino ny sofinao ary hihiratra ny masonao, mba hohenoinao ny vavaky ny mpanomponao, izay ataoko eto anatrehanao ankehitriny andro aman' alina ho an' ny Zanak' Isiraely mpanomponao sy izay anekeko ny fahotan' ny Zanak' Isiraely, izay efa nanotanay taminao; fa izaho sy ny mpianakavin-draiko dia samy efa nanota avokoa. **7** Efa nanao izay ratsy indrindra taminao izahay ka tsy nitandrina ny didy, na ny lalàna, na ny fitsipika, izay nandidianao an' i Mosesy mpanomponao. **8** Hotsarovanao anie ilay teny nandidianao an' i Mosesy mpanomponao hoe: Raha manao izay mahadiso ianareo, dia hampiely anareo any amin' ny firenena maro Aho; **9** nefa raha miverina amiko kosa ianareo ka mitandrina ny didiko sy mankatò azy, na dia hisy voaroaka hatrany am-paravodilanitra aza ianareo, dia avy any no hanangonako azy, ka ho entiko ho ao amin' ny fitoerana izay nofidiko hampitoerako ny anarako izy. **10** Ary ireo dia mpanomponao sy olonao, izay navotanao tamin' ny herinao lehibe sy ny tananao mahery. **11** Koa mitaraina aminao aho, ry Jehovah ô, mihainoa ny fivavaky ny mpanomponao sy ny fivavaky ny mpanomponao rehetra izay faly amin' ny fahatahorana ny anaranao; ary hambinina anie ny mpanomponao anio, ary aoka hahazo famindram-po eo imason' io lehilahy io aho. Fa mpitondra kapoaky ny mpanjaka aho.

2 Ary tamin' ny volana Nisana tamin' ny taona faharoa-polo nanjakan' i Artaksersesy, raha teo anoloany ny divay, dia noraisiko ka natolotro ny mpanjaka. Fa vao izay aho no mba nalahelo teo anatrehany. **2** Dia hoy ny mpanjaka tamiko: Nahoana no malahelo tarehy ianao, kanefa tsy marary tsinona? Tsy zavatra hafa izao, fa alahelom-po mihitsy. Dia raiki-tahotra indrindra aho **3** ka nanao tamin' ny mpanjaka hoe: Ho velona mandrakizay anie ny mpanjaka; nahoana no tsy halahelo tarehy aho, fa rava ny tanàna misy ny fasan-drazako, sady efa levon' ny afo ny vavahadiny? **4** Dia hoy ny mpanjaka tamiko: Inona ary no angatahinao? Dia nivavaka tamin' Andriamanitry ny lanitra aho aloha, **5** dia vao niteny tamin' ny mpanjaka hoe: Raha sitraky ny mpanjaka, ka mahita fitia eto imasonao ny mpanomponao, dia alefaso ho any Joda aho, ho any amin' ny tanàna misy ny fasan-drazako mba hanamboarako izany. **6** Ary hoy ny mpanjaka tamiko (ny vadin' ny mpanjaka koa nipetraka teo anilany): Haharitra hoatrinona any anefa ianao, ary rahoviana no hiverina? Ka dia sitraky ny mpanjaka ny handefa ahy; ary dia nilaza fotoana taminy aho. **7** Ary hoy koa aho tamin' ny mpanjaka: Raha sitraky ny mpanjaka, aoka homena taratasy ho amin' ireo governora any an-dafin' ny ony aho, mba hamelany ahy handeha hatrany Joda, **8** sy taratasy ho amin' i Asafa, mpitandrina ny alan' i ny mpanjaka mba hanomezany hazo hanaovako ny vavahadin' ny lapa izay momba ny tempoly sy hanaovako ny mandan' ny tanàna sy ny trano izay hitoerako. Dia nomen' ny mpanjaka ahy izany araka ny soa nataon' ny tànan' Andriamanitro tamiko. **9** Dia tonga tany amin' ireo governora any an-dafin' ny ony aho, ka natolotro azy ny taratasin' ny mpanjaka. Ary ny mpanjaka efa naniraka manamboninahitra sy mpitaingin-tsoavaly hanatitra ahy. **10** Raha nahare izany Sanbala Horonita sy Tobia Amonita mpanompo, dia sosotra loatra izy, satria nisy lehilahy tonga hitady izay hahasoa ny Zanak' Isiraely. **11** Dia tonga tany Jerosalema aho ka nitoetra tany hateloana. **12** Ary nifoha tamin' ny alina aho, dia izaho sy ny olom-bitsy nomba ahy; nefa tsy nisy olona nilazako izay natsindrin' Andriamanitra ny foko hatao any Jerosalema; ary tsy nisy biby nentiko afa-tsy ilay nitaingenako ihany. **13** Dia nandeha alina aho ka nivoaka tamin' ny vavahady mankany amin' ny lohasaha, tandrifin' ny loharanon' ny dragona, sy tamin' ny vavahadin-jezika ka nizaha ny mandan' i Jerosalema izay efa rava sy ny vavahadiny izay efa levon' ny afo. **14** Dia nankany amin' ny vavahadin-doharano sy ny farihin' ny mpanjaka koa aho; nefa tsy nisy lalana azon' ilay biby nitaingenako naleha akory. **15** Dia niakatra teo amin' ny lohasahan-driaka aho tamin' ny alina ka nizaha ny manda, dia nitodika ka niditra tamin' ny vavahady mankany amin' ny lohasaha, dia niverina. **16** Nefa ireo mpanapaka tsy nahalala izay nalehako, na izay nataoko; fa hatramin' izay dia tsy mbola nolazaiko tamin' ny Jiosy izany, na tamin' ny mpisorona, na tamin' ny manan-kaja, na tamin' ny mpanapaka, na tamin' ny vahoaka sisa izay nanao ny asa. **17** Ary hoy izaho taminy: Hianareo mahita ny fahoriantsika, fa rava Jerosalema ary nodoran' ny afo ny vavahadiny; koa andeha isika hanangana ny mandan' i Jerosalema, mba tsy ho latsa intsony isika. **18** Dia nambarako azy ny tànan' Andriamanitro izay nahasoa ahy, ary ny tenin' ny mpanjaka koa izay nolazainy tamiko. Ary hoy izy: Eny, aoka ary isika hitsangana ka handrafitra azy. Koa dia nampahery ny tànany hanao izany soa izany izy. **19** Fa nony ren' i Sanbala Horonita sy Tobia Amonita mpanompo ary Gasema Arabo izany, dia nanaraby sy nanevateva anay izy nanao hoe: Inona izao zavatra ataonareo izao? Hikomy amin' ny mpanjaka angaha ianareo? **20** Dia namaly azy aho ka nanao taminy hoe: Andriamanitry ny lanitra, Izy no hanambina anay, ka dia hitsangana handrafitra izahay mpanompony; fa ianareo tsy manana anjara, na rariny, na fahatsiarovana akory, atỳ Jerosalema.

3 Dia nitsangana Eliasiba mpisoronabe sy ny mpisorona rahalahiny ka nandrafitra ny vavahadin' ondry; dia nanamasina azy izy ka nandatsaka ny lela-vavahadiny; hatramin' ny tilikambo Hamea ka hatramin' ny tilikambo Hananela no nohamasininy. **2** Ary manarakaraka ireo dia nandrafitra koa ny mponina tany Jeriko. Ary manarakaraka ireo indray dia nandrafitra koa Zakora, zanak' Imry. **3** Ary ny vavahadin-kazandrano dia narafitry ny zanak' i Hasena, izy no nandatsaka ny rairainy sy ny lela-vavahadiny mbamin' ny hidiny sy ny vavombiny. **4** Ary manarakaraka ireo dia namboatra koa Meremota, zanak' i Oria, zanak' i Hakoza. Ary manarakaraka io dia namboatra koa Mesolama, zanak' i Berekia, zanak' i Mesezabela. Ary manarakaraka io dia namboatra koa Zadoka, zanak' i Bana. **5** Ary manarakaraka io dia namboatra koa ny Tekoïta; nefa ny olona ambonimbony teo aminy dia tsy nety nampiondrika ny vozony ho amin' ny fanompoana ny Tompony. **6** Ary ny vavahady taloha dia namboarin' i Joiada, zanak' i Pasea, sy Mesolama, zanak' i Besodia; izy roa lahy no nandatsaka ny rairainy sy ny lela-vavahadiny mbamin' ny hidiny sy ny vavombiny. **7** Ary manarakaraka ireo dia namboatra koa Melatia Gibeonita sy Jadona Meronotita mbamin' ny mponina tany Gibeona sy Mizpa, hatramin' ny seza fiandrianan' ny governora etỳ an-dafin' ny ony etỳ. **8** Manarakaraka ireo dia namboatra koa Oziela, zanak' i Haraia, isan' ny mpanefy volamena. Manarakaraka io dia namboatra koa Hanania, isan' ny mpangaroharo zavamanitra; ary nanamafy an' i Jerosalema izy hatramin' ny mandà lehibe. **9** Ary manarakaraka io dia namboatra koa Refaia, zanak' i Hora, komandin' ny antsasaky ny fehin' i Jerosalema. **10** Ary manarakaraka io dia namboatra koa Jedaia, zanak' i Haromafa, dia ny teo amin' ny tandrifin' ny tranony ihany. Ary manarakaraka io dia namboatra koa Hatosy, zanak' i Hasabnia. **11** Ny sasany koa mbamin' ny tilikambo misy ny fatana fandoroana dia namboarin' i Malkia, zanak' i Harima, sy Hasoba, zanak' i Pahatamoaba. **12** Ary manarakaraka ireo dia namboatra koa Saloma, zanak' i Halohesy, komandin' ny antsasaky ny fehin' i Jerosalema, dia izy sy ny zananivavy. **13** Ny vavahady mankamin' ny lohasaha dia namboarin' i Hanona sy ny mponina tany Zanoa; ireo no nandrafitra izany sy nandatsaka ny lela-vavahadiny mbamin' ny hidiny sy ny vavombiny, ary narafiny koa ny arivo hakiho amin' ny manda hatramin' ny vavahadin-jezika. **14** Ary ny vavahadin-jezika dia namboarin' i Malkia, zanak' i Rekaba, komandin' ny fehin' i Beti-hakerema; izy no nandrafitra izany sy nandatsaka ny lela-vavahadiny mbamin' ny hidiny sy ny vavombiny. **15** Ary ny vavahadin-doharano dia namboarin' i Saloma, zanak' i Kola-hoze, komandin' ny fehin' i Mizpa; izy no nandrafitra sy nanafo izany ary nandatsaka ny lela-vavahadiny mbamin' ny hidiny sy ny vavombiny, ary narafiny koa ny mandan' ny farihy Siloa, teo anilan' ny sahan' ny mpanjaka, ka hatramin' ny ambaratonga midìna avy any an-Tanànan' i Davida. **16** Ary manarakaraka io dia namboatra koa Nehemia, zanak' i Azboka, komandin' ny antsasaky ny fehin' i Beti-zora, hatramin' ny teo amin' ny tandrifin' ireo fasan' i Davida ka hatramin' ny farihy izay natao ary hatramin' ny tranon' ny lehilahy mahery. **17** Manarakaraka io dia namboatra koa ny Levita, dia Rehoma, zanak' i Bany. Manarakaraka ireo dia namboatra koa Hasabia, komandin' ny antsasaky ny fehin' i Keila, ho an' ny fehiny. **18** Manarakaraka io dia namboatra koa ireo rahalahiny, dia Bavay, zanak' i Henadada, komandin' ny antsasaky ny fehin' i Keila. **19** Ary manarakaraka lreo dia nisy namboarin' i Ezera, zanak' i Jesoa, komandin' i Mizpa, teo amin' ny tandrifin' ny fiakarana ho any amin' ny trano fitehirizampiadiana eo amin' ny fiolahana. **20** Manarakaraka io koa dia Baroka, zanak' i Zabay, no nazoto namboatra ny sasany hatramin' ny fiolahana ka hatramin' ny varavaran' ny tranon' i Eliasiba mpisoronabe. **21** Manarakaraka io koa dia nisy namboarin' i Meremota, zanak' i Oria, zanak' i Hakoza, hatramin' ny varavaran' ny tranon' i Eliasiba ka hatramin' ny faran' ny tranon' i Eliasiba. **22** Ary manarakaraka io dia namboatra koa ny mpisorona, dia ireo avy tany amin' ny tany lemaka. **23** Manarakaraka ireo dia namboatra koa Benjamina sy Hasoba teo amin' ny tandrifin' ny tranony ihany. Manarakaraka ireo dia namboatra koa Azaria, zanak' i Mahaseia, zanak' i Anania, teo anilan' ny tranony ihany. **24** Manarakaraka io koa, dia nisy namboarin' i Binoy, zanak' i Henadada, hatramin' ny tranon' i Azaria ka hatramin' ny fiolahana eo amin' ny zorony. **25** Ary Palala, zanak' i Ozay, koa, dia ny teo amin' ny tandrifin' ny fiolahana sy izay mandroso eo amin' ny tilikambo ambony, eo amin' ny ranon' ny mpanjaka, eo akaikin' ny tokotanin' ny tranomaizina. Manarakaraka io koa dia Pedaia, zanak' i Parosy. **26** Ary ny Netinima dia nonina tany Ofela hatreo amin' ny tandrifin' ny vavahadin-drano atsinanana sy ny mandroso eo amin' ny tilikambo. **27** Ary manarakaraka ireo koa dia nisy namboarin' ny Tekoïta, teo amin' ny tandrifin' ny mandroso eo amin' ny tilikambo lehibe ka hatramin' ny mandan' i Ofela. **28** Hatreo ambonin' ny vavahadin-tsoavaly dia namboarin' ny mpisorona, dia samy ny teo amin' ny tandrifin' ny tranony avy. **29** Manarakaraka ireo dia namboatra koa Zadoka, zanak' Imera, dia ny teo amin' ny tandrifin' ny tranony ihany. Ary manarakaraka io dia namboatra koa Semaia, zanak' i Sekania, mpiandry ny vavahady atsinanana. **30** Manarakaraka io koa dia nisy namboarin' i Hanania, zanak' i Setemia, sy Hanona, fahenin' ny zanak' i Zalafa. Manarakaraka ireo dia namboatra koa Mesolama, zanak' i Berekia, dia ny teo amin' ny tandrifin' ny efi-tranony ihany. **31** Manarakaraka io dia namboatra koa Malkia, isan' ny mpanefy volamena, hatramin' ny tranon' ny Netinima sy ny mpandranto, dia ny teo amin' ny tandrifin' ny vavahady Mifikada ka hatramin' ny trano ambony teo anjorony. **32** Ary ny teo anelanelan' ny trano ambony teo anjorony sy ny vavahadin' ondry no namboarin' ny mpanefy volamena sy ny mpandranto.

4 Ary rehefa ren' i Sanbala fa nataonay ny manda, dia tezitra sady sosotra loatra izy ka nihomehy ny Jiosy, **2** dia niteny teo anatrehan' ny namany sy ny miaramilan' i Samaria hoe: Inona no ataon' ireo Jiosy osa ireo? Hahaleo tena va ireo? Hahavono zavatra hatao fanatitra va ireo? Hahatsangana indray andro va ireo? Hahatsangana ny vato

avy amin' ny lavenona miavosa va ireo? **3** Ary Tobia Amonita dia teo anilan' i Sanbala ka niteny hoe: Na dia amboahaolo aza miakatra eo amin' izay atsangany, dia haharava ny manda vato ataony. **4** Mihainoa, ry Andriamanitray ô, fa atao tsinontsinona izahay; koa atsingereno ho eo andohany ihany ny latsa ataony, ary aoka ho babo any amin' ny tany izay ahababoany izy. **5** Aza manarona ny helony, ary aza vonoina tsy ho eo anatrehanao ny fahotany; fa efa nampahatezitra Anao teo anatrehan' ireo mandrafitra izy. **6** Ka dia narafitray ihany ny manda ka tafakambana avokoa hatramin' ny antsasany miakatra; fa nazoto niasa ny olona. **7** Ary rehefa ren' i Sanbala sy Tobia sy ny Arabo sy ny Amonita ary ny Asdodita fa voatsangana ny mandan' i Jerosalema, ka efa ho voavoatra izay rava, dia nirehitra mafy ny fahatezerany. **8** Ary niray tetika izy rehetra handeha hamely an' i Jerosalema ka hanimba ny asa. **9** Dia nivavaka tamin' Andriamanitra izahay ka nametraka mpiambina hiandry azy andro aman' alina noho ny fahatahoranay azy. **10** Ary hoy ny Joda: Mihena ny herin' ny mpitondra entana, ary be ny korontam-bato sy ny tany; ka dia tsy maharafitra ny manda izahay. **11** Ary hoy kosa ny fahavalonay: Tsy hahalala izy, na hahita, raha tsy tonga eo afovoany isika ka mahafaty azy ary mampitsahatra ny asa. **12** Ary rehefa tonga ny Jiosy izay nonina teo akaikin' ireo ka nanao taminay im-polo hoe: Na avy aiza na avy aiza ianareo, dia miverena atỳ aminay, **13** dia nasiako olona teo amin' ny fitoerana ambany, teo ivelan' ny manda sy teo an-karihary; eny, nalahatro ny olona araka ny fokony avy, samy nitàna sabatra sy lefona ary tsipìka. **14** Dia nijery aho sady nitsangana ka nilaza tamin' ny manan-kaja sy ny mpanapaka mbamin' ny vahoaka sisa hoe: Aza matahotra azy ianareo; ny Tompo lehibe sy mahatahotra no tsarovy, ka miadia hiaro ny rahalahinareo sy ny zanakareo-lahy sy ny zanakareo-vavy sy ny vadinareo ary ny tranonareo. **15** Ary nony ren' ny fahavalontsika fa efa fantatray izany, sady efa nofoanan' Andriamanitra ny heviny, dia niverina ho amin' ny manda izahay rehetra, samy ho amin' ny asany avy indray. **16** Ary hatramin' izay andro izay ny antsasaky ny zatovoko dia nanao ny asa, ary ny antsasany kosa nitàna lefona aman' ampinga sy tsipìka ary akanjo fiarovantratra; ary ny mpanapaka dia teo ivohon' ny fianakaviana rehetra amin' ny Joda. **17** Ary izay nandrafitra ny manda sy ny mpitondra entana izay nanangona ny korontam-bato sy ny tany dia samy niasa tamin' ny tànany anankiray, ary nitan-defona kosa ny tànany anankiray. **18** Ary ny mpandrafitra rehetra dia samy nanana ny sabany voafehy tamin' ny valahany avy, ka dia nandrafitra. Ary ny mpitsoka ny anjomara dia teo anilako. **19** Ary hoy izaho tamin' ny manan-kaja sy ny mpanapaka ary ny vahoaka sisa: Be sady malalaka ny asa, ka dia misaratsaraka eny ambonin' ny manda isika ka mifanalavitra. **20** Koa eo amin' izay fitoerana andrenesanareo ny feon' ny anjomara dia mivoria ho any aminay ianareo; fa Andriamanitsika no hiady ho antsika. **21** Dia nanao ny asa izahay, ary ny antsasany kosa nitan-defona hatramin' ny mazavaratsy ka mandra-piposaky ny kintana. **22** Ary tamin' izany andro izany dia hoy koa aho tamin' ny olona: Samia mitoetra ato Jerosalema ianareo mbamin' ny zatovonareo, mba hiambina antsika raha alina ireo ary hiasa raha antoandro. **23** Fa izaho sy ny rahalahiko mbamin' ny zatovoko sy ny mpiambina, izay nanaraka ahy, dia samy tsy niala akanjo, sady tsy nisy nandro akory.

5 Ary nitaraina mafy ny lehilahy sy ny vadiny ny amin' ny Jiosy rahalahiny. **2** Fa nisy nanao hoe: Maro izahay mbamin' ny zanakai-lahy sy ny zanakai-vavy; koa ta-hahazo vary izahay mba hohaninay hivelomanay. **3** Ary nisy koa nanao hoe: Ny taninay sy ny tanim-boalobokay ary ny tranonay dia efa nataonay antoka, koa ta-hahazo vary izahay noho ny mosary. **4** Ary nisy koa indray nanao hoe: Efa nisambo-bola izahay handoavanay ny hetran' ny mpanjaka, ary ny taninay sy ny tanim-boalobokay no nataonay antoka. **5** Kanefa mba tahaka ny nofon' ny rahalahinay ihany ny nofonay, ary tahaka ny zanany ihany ny zanakay; fa na dia izany aza, indreo izahay manetry ny zanakai-lahy sy ny zanakai-vavy ho andevo, ary ny sasany amin' ny zanakai-vavy dia efa andevo rahateo; nefa tsy manan-ko enti-manavotra azy izahay, satria lasan' ny sasany ny taninay sy ny tanim-boalobokay. **6** Dia tezitra indrindra aho, raha nahare ny fitarainany sy izany teny izany. **7** Ary nihevitra tao am-poko aho, ka dia nananatra mafy ny manan-kaja sy ny mpanapaka ka nanao taminy hoe: Samy mampanàna zavatra amin' ny rahalahinareo avy ianareo. Dia nanendry fiangonan-dehibe aho hitsarana azy. **8** Ary hoy izaho taminy: Izahay araka izay tratry ny nananànay dia efa nanavotra ny Jiosy rahalahinay, izay efa namidy tamin' ny jentilisa; fa ianareo kosa moa hivarotra ny rahalahinareo va, ka hamidy aminay va izy? Dia sina izy, fa tsy hitany izay havaliny. **9** Ary hoy koa aho: Tsy tsara izao ataonareo izao; moa tsy tokony handeha amin' ny fahatahorana an' Andriamanitsika va ianareo noho ny fanaratsian' ny jentilisa fahavalontsika? **10** Izaho sy ny rahalahiko ary ny zatovoko efa nampanàna vola sy vary taminy; koa masìna ianareo, aoka re hafointsika izany trosa izany; **11** eny, masìna ianareo, ampodio aminy anio ihany ny taniny sy ny tanim-boalobony sy ny tanin' olivany sy ny tranony sy ny ampahazaton' ny vola sy ny vary ary ny divay sy ny diloilo izay nampisamborinareo azy. **12** Dia hoy ireo: Eny, hampodinay izany, ka tsy haka na inona na inona aminy izahay, fa hanao araka izay lazainao. Dia niantso ny mpisorona aho ka nampianiana ireo hanao araka izany teny izany, **13** sady nanakopaka ny lambako teo am-pofoako aho ka nanao hoe: Ho tahaka izany anie no hanakopahan' Andriamanitra ny olona rehetra izay tsy mahantanteraka izany teny izany hiala amin' ny tranony sy ny vokatry ny asany; eny, hakopaka ka hofoanana tahaka izany anie izy. Ary ny fiangonana rehetra nanao hoe: Amena; sady nidera an' i Jehovah izy. Ary dia nanao araka izany teny izany ny olona. **14** Ary koa, hatramin' ny andro nanendrena ahy ho governora amin' ny tany Joda, dia hatramin' ny taona faharoa-polo ka hatramin' ny taona faharoa amby telo-polo nanjakan' i Artaksersesy, dia roa ambin' ny folo taona izay, izaho sy ny raha! ahiko tsy mba nihinana izay anjara-fiveloman' ny governora. **15** Fa ireo governora fahiny izay teo alohako ireo dia nahavaky tratra

ny olona ka nampandoa azy hanina sy divay ary sekely volafotsy efa-polo koa; eny, na dia ny zatovony aza dia nisetrasetra tamin' ny olona; fa izaho tsy mba nanao izany noho ny fahatahorako an' Andriamanitra. **16** Eny, izaho naharitra nanao io manda io ihany, sady tsy nividy tany izahay; ary ny zatovoko rehetra dia voangona hanao ny asa. **17** Ary teo amin' ny latabatro nisy Jiosy sy mpanapaka dimam-polo amby zato afa-tsy izay nankeo aminay avy tamin' ny firenena manodidina anay. **18** Ary ny namboarina ho ahy isan' andro dia omby iray sy ondry matavy enina ary vorona koa, ary indray mandeha isan-kafoloana dia nasiana divay samy hafa betsaka; nefa na dia izany aza, ny anjara-fiveloman' ny governora dia tsy mba nilaiko, satria nahavesatra ny olona ny fanompoana. **19** Tsarovy aho ka hasoavy, ry Andriamanitro ô, araka izay rehetra nataoko ho an' ity firenena ity.

6 Ary rehefa ren' i Sanbala sy Tobia sy Gasema Arabo mbamin' ny namany fahavalonay fa efa nanao ny manda aho, ka tsy nisy banga intsony teo (kanefa tamin' izany andro izany tsy mbola voalatsako ny lela-vavahady), **2** dia naniraka ho any amiko Sanbala sy Gasema ka nanao hoe: Avia isika hihaona ao amin' izay vohitra anankiray amin' ny tany lemak' i Ono. Kanjo nikasa hanisy ratsy ahy izy roa lahy. **3** Dia naniraka olona hankany aminy kosa aho hanao hoe: Asa lehibe no ataoko, ka tsy afa-midìna aho; nahoana no hilaozako midìna any aminareo ny asa ka hatsahatra? **4** Kanefa mbola naniraka tamiko inefatra araka izany ihany izy; ary izaho kosa dia mbola namaly azy toy izany ihany koa. **5** Dia nirahin' i Sanbala fanindiminy ny zatovony hankeo amiko araka izany ihany, nitondra taratasy nivelatra teny an-tànany, **6** izay nisy soratra hoe: Efa mahoraka any amin' ny firenena maro izao teny izao, sady lazain' i Gasema hoe: Hianao sy ny Jiosy dia mikasa hikomy, ka izany no anaovanao ny manda, ary araka izany teny izany dia mikasa ho mpanjakany, hono, ianao, **7** sady efa nanendry ny mpaminany maro hilaza anao any Jerosalema hoe Mpanjaka any Joda; ary ankehitriny dia ho ren' ny mpanjaka izany teny izany; koa avia isika hiara-mihevitra. **8** Dia naniraka ho any aminy aho hanao hoe: Tsy marina izany zavatra lazainao izany, fa tao am-ponao ihany no namoronanao izany. **9** Fa ta-hampahatahotra anay izy rehetra, ka hoy izy: Ho kivy amin' ny asa izy ka tsy hahatontosa. Koa ankehitriny ampaherezo e ny tanako! **10** Ary izaho dia tonga tao an-tranon' i Semaia, zanak' i Delaia, zanak' i Mehetabela, izay nihidy trano tao; dia hoy izy: Andeha isika hiditra ao an-tranon' Andriamanitra ao anatin' ny tempoly, ary aoka harindrintsika ny varavarana, fa ho avy hamono anao izy, eny, ho avy alina hamono anao izy. **11** Fa hoy izaho: Moa ny lehilahy tahaka ahy tokony handositra va? Ary iza no olona tahaka ahy no mahazo miditra ao amin' ny tempoly ka ho velona? Tsy hiditra ao aho. **12** Ary hitako fa, indro, tsy Andriamanitra no naniraka azy, fa nilaza izany faminaniana izany hamitahany ahy izy, satria notambazan' i Tobia sy Sanbala. **13** Izany no nanambazany azy, mba hampitahotra ahy hanaovako izany ka hanotako, dia hahazoany teny tatsy hanaratsiany ahy. **14** Ry Andriamanitro ô, tsarovy Tobia sy Sanbala araka izany asany izany mbamin' i Noadia mpaminanivavy sy ny mpaminany sasany koa, izay nampitahotra ahy. **15** Dia vita tamin' ny roa amby dimam-poloandro ny manda, dia tamin' ny andro faha-dimy amby roa-polo tamin' ny volana Elola. **16** Ary rehefa ren' ny fahavalonay rehetra izany, dia raiki-tahotra ny firenena rehetra manodidina anay, sady hitany fa tsinontsinona izy; ary fantany fa Andriamanitray no nahavitàna izany asa izany. **17** Ary tamin' izany andro izany ny manan-kaja amin' ny Joda dia nampitondra taratasy maro ho any amin' i Tobia, ary ny avy tamin' i Tobia kosa tonga tany aminy. **18** Fa nisy maro tany Joda efa nianiana niray tetika taminy, satria vinanton' i Sekania, zanak' i Ara, izy; ary Johanana zananilahy efa nanambady ny zanakavavin' i Mesolama, zanak' i Berekia. **19** Ary nisy koa teo anatrehako nilaza ny soa nataony ary nilaza ny teniko tany aminy kosa. Ary Tobia kosa nampitondra taratasy hampitahotra ahy.

7 Ary nony vita ny manda, ka voalatsako ny lela-vavahady, sady voatendry ny mpiandry varavarana sy ny mpihira ary ny Levita, **2** dia notendreko Hanany rahalahiko sy Hanania, lehiben' ny tao an-dapa, hitandrina an' i Jerosalema, fa lehilahy mahatoky izy sady matahotra an' Andriamanitra mihoatra noho ny maro. **3** Koa hoy izaho tamin' ireo: Aza avela hovohana ny vavahadin' i Jerosalema mandra-pahafanan' ny andro; ary raha mbola milanona eo ny mpiambina, dia aoka harindriny ny varavarana, ka hidionareo; ary manendre mpiambina avy amin' izay monina ato Jerosalema ihany samy ho eo amin' ny fiambenany avy, dia samy ho eo amin' ny tandrifin' ny tranony avy. **4** Ary malalaka sy lehibe ny tanàna, nefa vitsy olona, sady tsy mbola vita ny trano. **5** Ary nomen' Andriamanitro hevitra aho hamory ny manan-kaja sy ny mpanapaka mbamin' ny vahoaka, mba halaina isa araka ny firazanany avy ireo. Ary hitako ny taratasy filazana ny firazanan' izay niakatra voalohany, ka izao no hitako voasoratra tao: **6** Izao no lehilahy amin' izany tany izany, izay niakatra avy tamin' ny fahababoana, dia ireo nobaboin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, fa niverina tany Jerosalema sy Joda izy, samy ho any an-tanànany avy, **7** dia ny olona izay niaraka tamin' i Zerobabela sy Jesoa sy Nehemia sy Azaria sy Ramia sy Nahanany sy Mordekay sy Bilsana sy Mispereta sy Bigvay sy Nehoma ary Bana: Ary ny isan' ny lehilahy tamin' ny Isiraely dia izao: **8** Ny taranak' i Parosy dia roa amby fito-polo amby zato sy roa arivo; **9** ny taranak' i Sefatia dia roa amby fito-polo amby telon-jato; **10** ny taranak' i Ara dia roa amby dimam-polo amby enin-jato; **11** ny taranak' i Pahatamoaba, dia avy tamin' ny zanak' i Jesoa sy Joaba, dia valo ambin' ny folo amby valon-jato sy roa arivo; **12** ny taranak' i Elama dia efatra amby dimam-polo amby roan-jato sy arivo; **13** ny taranak' i Zato dia dimy amby efa-polo amby valon-jato; **14** ny taranak' i Zakay dia enim-polo amby fiton-jato; **15** ny taranak' i Binoy dia valo amby efa-polo amby enin-jato; **16** ny taranak' i Bebay dia valo amby roa-polo amby enin-jato; **17** ny taranak' Azgada dia roa amby roa-polo amby telon-jato amby roa

arivo; **18** ny zanak' i Adonikama dia fito amby enim-polo amby enin-jato; **19** ny taranak' i Bigvay dia fito amby enim-polo sy roa arivo; **20** ny taranak' i Adina dia dimy amby dimam-polo amby enin-jato; **21** ny taranak' i Atera, avy tamin' i Hezekia, dia valo amby sivi-folo; **22** ny taranak' i Hasoma dia valo amby roa-polo amby telon-jato; **23** ny taranak' i Bezay dia efatra amby roa-polo amby telon-jato; **24** ny taranak' i Harifa dia roa ambin' ny folo amby zato; **25** ny taranak' i Gibeona dia dimy amby sivi-folo. **26** Ny mponina tany Betlehema sy Netofa dia valo amby valo-polo amby zato; **27** ny mponina tany Anatota dia valo amby roa-polo amby zato; **28** ny mponina tany Bet-azmaveta dia roa amby efa-polo; **29** ny mponina tany Kiriata-jearima sy Kefira ary Berota dia telo amby efa-polo amby fiton-jato; **30** ny mponina tany Rama sy Geva dia iraika amby roa-polo amby enin-jato; **31** ny mponina tany Mikmasy dia roa amby roa-polo amby zato; **32** ny mponina tany Betela sy Ay dia telo amby roa-polo amby zato; **33** ny mponina tany amin' ilay Nebo anankiray dia roa amby dimam-polo; **34** ny zanak' ilay Elama anankiray dia efatra amby dimam-polo amby roan-jato sy arivo; **35** ny zanak' i Harima dia roa-polo amby telon-jato; **36** ny zanak' i Jeriko dia dimy amby efa-polo amby telon-jato; **37** ny zanak' i Loda sy Hadida ary Ono dia iraika amby roa-polo amby fiton-jato; **38** ny zanak' i Sena dia telo-polo amby sivin-jato sy telo arivo. **39** Ary ny mpisorona koa dia izao: Ny taranak' i Jedaia, avy tamin' ny mpianakavin' i Jesoa, dia telo amby fito-polo amby sivin-jato; **40** ny taranak' Imera, dia roa amby dimam-polo amby arivo; **41** ny taranak' i Pasora dia fito amby efa-polo amby roan-jato sy arivo; **42** ny taranak' i Harima dia fito ambin' ny folo sy arivo. **43** Ary ny Levita koa dia izao: Ny zanak' i Jesoa sy Kadmiela, avy tamin' ny zanak' i Hodavia, dia efatra amby fito-polo. **44** Ary ny mpihira koa dia izao: Ny taranak' i Asafa dia valo amby efa-polo amby zato. **45** Ary ny mpiandry varavarana koa dia izao: Ny taranak' i Saloma, ny taranak' i Atera, ny taranak' i Talmona, ny taranak' i Akoba, ny taranak' i Hatita, ny taranak' i Sobay, dia valo amby telo-polo amby zato. **46** Ary ny Netinima koa dia izao: Ny taranak' i Ziha, ny taranak' i Hasofa, ny taranak' i Tabaota, **47** ny taranak' i Kerosa, ny taranak' i Sia, ny taranak' i Padona, **48** ny taranak' i Lebana, ny taranak' i Hagaba, ny taranak' i Salmay, **49** ny taranak' i Hanana, ny taranak' i Gidela, ny taranak' i Gahara, **50** ny taranak' i Reaia, ny taranak' i Rezina, ny taranak' i Nekoda, **51** ny taranak' i Gazama, ny taranak' i Oza, ny taranak' i Pasea, **52** ny taranak' i Besay, ny taranaky ny Meonita, ny taranaky ny Nefisita, **53** ny taranak' i Bakboka, ny taranak' i Hakafa, ny taranak' i Harora, **54** ny taranak' i Bazlita, ny taranak' i Mehida, ny taranak' i Harsa, **55** ny taranak' i Barkosa, ny taranak' i Sisera, ny taranak' i Tema, **56** ny taranak' i Nezia, ny taranak' i Hatifa. **57** Ary ny taranaky ny mpanompon' i Solomona koa dia izao: Ny taranak' i Sotahy, ny taranak' i Sofereta, ny zanak' i Perida, **58** ny taranak' i Jala, ny taranak' i Darkona, ny taranak' i Gidela, **59** ny taranak' i Sefatia, ny taranak' i Hatila, ny taranak' i Pokereta-hazebaima, ny taranak' i Amona. **60** Ny Netinima rehetra sy ny taranaky ny mpanompon' i Solomona dia roa amby sivi-folo amby telon-jato. **61** Ary izao no niakatra avy tany Tela-mela sy Tela-harsa sy Kerofa sy Adona ary Imera (fa tsy nahalaza ny fianakaviany sy ny firazanany, na avy tamin' ny Isiraely na tsia, izy): **62** ny taranak' i Delaia, ny taranak' i Tobia, ny taranak' i Nekoda, roa amby efa-polo amby enin-jato. **63** Ary ny avy tamin' ny mpisorona dia izao: Ny taranak' i Hobaia, ny taranak' i Hakoza, ny taranak' i Barzilay; nampaka-bady avy tamin' ny zanakavavin' i Barzilay Gileadita io ka notononina araka ny anarany. **64** Ireo dia nitady ny soratra filazana ny razany, fa tsy hita izany; dia natao ho tsy madio izy ka nesorina tamin' ny fisoronana. **65** Ary ny governora nilaza fa tsy mahazo mihinana ny zava-masìna indrindra izy mandra-pitsangan' izay mpisorona anankiray mitondra ny Orima sy Tomima. **66** Ny tontalin' ny olona rehetra dia enim-polo amby telon-jato amby roa arivo sy efatra alina, **67** afa-tsy ny ankizilahiny sy ny ankizivaviny fito amby telo-polo amby telon-jato sy fito arivo; ary nanana mpihiralahy sy mpihiravavy dimy amby efa-polo amby roan-jato izy; **68** ny soavaliny dia enina amby telo-polo amby fiton-jato; ny ampondrany dia dimy amby efa-polo amby roan-jato; **69** ny ramevany dia dimy amby telo-polo amby efa-jato; ny borikiny dia roa-polo amby fiton-jato sy enina arivo. **70** Ary ny sasany tamin' ny lohan ny fianakaviana dia nahafoy hanaovana ny asa. Ny governora nanome darika volamena arivo sy lovia famafazana dimam-polo sy akanjo-mpisorona telo-polo amby dimam-jato ho ao amin' ny rakitra. **71** Ary ny sasany tamin' ny lohan' ny fianakaviana dia nanome darika volamena roa alina sy mane volafotsy roan-jato sy roa arivo ho ao amin' ny rakitra hanaovana ny asa. **72** Ary izay nomen' ny olona sisa dia darika volamena roa alina sy mane volafotsy roa arivo ary akanjo-mpisorona fito amby enim-polo. **73** Ary samy tafapetraka teny an-tanànany avy ny mpisorona sy ny Levita sy ny mpiandry varavarana sy ny mpihira sy ny sasany amin' ny vahoaka ary ny Netinima, dia ny Isiraely rehetra.

8 Ary rehefa tonga ny volana fahafito, dia samy tany an-tanànany avy ny Zanak' Isiraely. Dia nivory tahaka ny olona iray izy rehetra ho eo an-kalalahana teo anoloan' ny vavahadin-drano; ary niteny tamin' i Ezra mpanora-dalàna izy mba ho entiny ny bokin' ny lalan' i Mosesy izay nandidian' i Jehovah ny Isiraely. **2** Dia nentin' i Ezra mpisorona ny lalàna tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahafito ho eo anatrehan' ny fiangonana, na lehilahy na vehivavy, mbamin' izay rehetra efa mahahaino. **3** Dia novakina teo an-kalalahana teo anoloan' ny vavahadin-drano izy hatramin' ny vao maraina koa ka ambara-pitataovovonan' ny andro, dia teo anatrehan' ny lehilahy sy ny vehivavy mbamin' izay efa mahahaino; ary ny olona rehetra dia nampandry sofina hihaino ny bokin' ny lalàna. **4** Ary Ezra mpanora-dalàna nitsangana teo ambonin' ny lampihazo fitoriana, izay efa natao ho fitoriana izany; ary Matitia sy Sema sy Anaia sy Oria sy Hilkia ary Mahaseia no nitsangana teo anilany ankavanana; ary Pedaia sy Misaela sy Malkia sy Hasoma sy Hasbadana sy Zakaria ary Mesolama no teo anilany ankavia kosa. **5** Dia nosokafan' i Ezra teo imason'

ny olona rehetra ny boky (fa ambony toerana noho ny olona rehetra izy); ary rehefa nosokafany izany, dia nitsangana koa ny olona rehetra. **6** Ary Ezra nisaotra an' i Jehovah, Andriamanitra lehibe; ary ny olona rehetra nanandra-tanana ka namaly hoe: Amena, Amena; dia niondrika izy sady niankohoka tamin' ny tany teo anatrehan' i Jehovah. **7** Ary Jesoa sy Bany sy Serebia sy Jamina sy Akoba sy Sabetahy sy Hodia sy Mahaseia sy Kelita sy Azaria sy Jozabada sy Hanana sy Pelaia ary ny Levita dia nampianatra ny olona ny lalàna; ary ny olona dia teo amin' izay nitoerany ihany. **8** Dia novakiny mazava ny teny tao amin' ny bokin' ny lalàn' Andriamanitra, sady nohazavainy tsara ny heviny, ka dia azon' ny olona tsara ny teny novakina. **9** Ary Nehemia governora sy Ezra mpisorona, mpanora-dalàna, ary ny Levita izay nampianatra ny olona dia nanao tamin' ny olona rehetra hoe: Masìna ho an' i Jehovah Andriamanitrareo ity andro ity; koa aza malahelo na mitomany. Fa nitomany ny olona rehetra raha nandre ny tenin' ny lalàna. **10** Dia hoy izy taminy: Mandehana, hano ny matavy, ary sotroy ny mamy, dia mba anatero anjara izay tsy manan-javatra voavoatra; fa masìna ho an' ny Tompontsika ity andro ity; koa aza malahelo ianareo, fa ny fifaliana avy amin' i Jehovah no fiarovana mafy ho anareo. **11** Ary ny Levita nampangina ny olona rehetra ka nanao hoe: Mangìna ianareo, fa masìna ity andro ity; koa aza malahelo ianareo. **12** Dia nandeha ny olona rehetra hihinana sy hisotro sy hanatitra anjara ho an' ny sasany ary hifaly indrindra, satria azony tsara ny teny izay notorina taminy. **13** Ary nony ampitson' iny dia vory teo amin' i Ezra mpanora-dalàna ny lohan' ny fianakaviana tamin' ny olona rehetra sy ny mpisorona ary ny Levita mba handinika ny tenin' ny lalàna. **14** Dia hitany voasoratra teo amin' ny lalàna, izay nampandidian' i Jehovah an' i Mosesy, fa tokony hitoetra ao amin' ny trano rantsan-kazo ny Zanak' Isiraely amin' ny andro firavoravoana amin' ny volana fahafito, **15** ary tokony hampandre ny olona sy handefa teny mitety ny tanànany rehetra sy Jerosalema ka hanao hoe: Mandehana any an-tendrombohitra, ka makà sampan' oliva sy sampan' oliva maniry ho azy sy sampan-drotra sy sampan-drofia ary sampan-kazo be ravina hanaovana trano rantsan-kazo araka, ny voasoratra. **16** Dia nandeha ny olona ka naka, ary samy nanao trano rantsan-kazo ho azy teo amin' ny tampon-tranony avy sy teo anatin' ny tokotaniny avy sy teo anatin' ny kianjan' ny tranon' Andriamanitra sy teo an-kalalahana teo akaikin' ny vavahadin-drano ary teo an-kalalahana akaikin' ny vavahadin' i Efraima. **17** Eny, nanao trano rantsan-kazo avokoa ny fiangonana rehetra izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana, ka nipetraka tao anatiny izy; fa tsy mbola nanao toy izany ny Zanak' Isiraely hatramin' ny andron' i Josoa, zanak' i Nona, ka hatramin' izany andro izany. Ary dia nisy fifaliana lehibe indrindra. **18** Ary namaky ny teny tao amin' ny bokin' ny lalàn' Andriamanitra isan' andro isan' andro izy hatramin' ny andro voalohany ka hatramin' ny andro farany. Ary nanao andro firavoravoana hafitoana izy; ary tamin' ny andro fahavalo dia fara-fivoriana araka ny fanao.

9 Ary tamin' ny andro fahefatra amby roa-polo tamin' izany volana izany dia niangona ny Zanak' Isiraely, sady nifady hanina no samy nitafy lamba fisaonana sy nihosintany. **2** Dia niavaka tamin' ny olona hafa firenena rehetra ny taranak' Isiraely ary nitsangana ka niaiky ny fahotany sy ny heloky ny razany. **3** Ary nitsangana teo amin' ny fitoerany avy izy, dia namaky ny teny tao amin' ny bokin' ny lalàn' i Jehovah Andriamaniny tamin' ny ampahefatry ny andro; ary tamin' ny ampahefatry ny andro koa dia nitsotra sy niankohoka teo anatrehan' i Jehovah Andriamaniny izy. **4** Ary Jesoa sy Bany sy Kadmiela sy Sebania sy Bony sy Serebia sy Bany ary Kenany dia nitsangana teo ambonin' ny lampihazon' ny Levita ka nitaraina mafy tamin' i Jehovah Andriamaniny. **5** Ary hoy ny Levita, dia Jesoa sy Kadmiela sy Bany sy Hasabnia sy Serebia sy Hodia sy Sebania ary Petahia: Mitsangana, ka misaora an' i Jehovah Andriamanitrareo mandrakizay mandrakizay. Ary isaorana anie ny anaranao malaza, izay voasandratra ambonin' ny fisaorana sy ny fiderana rehetra. **6** Hianao dia Hianao irery ihany no Jehovah; Hianao no nanao ny lanitra, dia ny lanitry ny lanitra, mbamin' izay rehetra any aminy, ny tany sy izay rehetra eo aminy, ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy, ary Hianao no mamelona azy rehetra; ary ireo maro any an-danitra samy miankohoka eo anatrehanao. **7** Hianao no Jehovah Andriamanitra, Izay nifidy an' i Abrama ka nitondra azy nivoaka avy tany Oran' ny Kaldeana sady nanao ny anarany hoe Abrahama; **8** ary Hianao nahita ny fony fa nahatoky teo anatrehanao, ka dia nanao ilay fanekena taminy hanome ny tanin' ny Kananita sy ny Hetita sy ny Amorita sy ny Perizita sy ny Jebosita ary ny Girgasita ho an' ny taranany; ary efa nahatanteraka ny teninao Hianao, satria marina Hianao. **9** Ary nahita ny fahorian' ny razanay tany Egypta koa Hianao sady nandre ny fitarainany teo amoron' ny Ranomasina Mena, **10** dia nanao famantarana sy fahagagana tamin' i Farao sy ny mpanompony rehetra sy tamin' ny olona rehetra tany amin' ny taniny Hianao; fa fantatrao fa nirehareha taminy ireo; dia nanao anarana ho Anao Hianao tahaka ny amin' izao anio izao. **11** Ary ny ranomasina dia nosarahinao teo anoloany, ka nandeha namaky teo afovoan' ny ranomasina nandia ny tany maina izy; ary ireo nanenjika azy dia natsipinao hilentika amin' ny lalina tahaka ny vato amin' ny rano manonja. **12** Andrirahona no nitondranao azy raha antoandro, ary andriafo nony alina, mba hampahazava azy hahitany izay lalana tokony halehany. **13** Efa nidina tao ambonin' ny tendrombohitra Sinay Hianao, dia niteny taminy tany andanitra ka nanome azy fitsipika mahitsy sy lalana marina ary fomba sy didy tsara. **14** Ary nampahalala azy ny Sabatanao masìna Hianao, ary Mosesy mpanomponao nampilazainao didy sy fomba ary lalàna taminy; **15** ary mofo avy tany an-danitra no nomenao azy, raha noana izy; ary rano avy tamin' ny vatolampy no navoakanao hosotroiny, raha nangetaheta izy; ary nilaza taminy Hianao fa hiditra ka handova ny tany izay nananganana tanàna homena azy izy. **16** Fa niavonavona ireny razanay ireny, dia nanamafy ny hatony ka tsy nihaino ny didinao, **17** ary nandà tsy nety nanaraka izany izy sady tsy nahatsiaro ny fahagagana

izay nataonao teo aminy; fa nanamafy ny hatony izy ka niodina, dia nanendry mpitarika mba hiverenany ho any amin' ny fahandevozany; fa Andriamanitry ny famelan-keloka Hianao ka miantra sy mamindra fo, mahari-po sady be famindram-po, ka dia tsy nahafoy azy. **18** Eny, nanao ilay ombilahy kely an-idina izy ka nanao hoe: Io no andriamanitrao izay nitondra anao hiakatra avy tany Egypta, dia nampahasosotra indrindra izy; **19** kanefa noho ny haben' ny famindram-ponao dia tsy mba nahafoy azy tany an-efitra Hianao; ny andri-rahona, izay nitondra azy teny an-dalana, dia tsy niala taminy raha antoandro, na ny andri-afo, izay nampahazava azy nony alina, hahitany izay lalana tokony halehany. **20** Ary ny Fanahinao tsara dia nomenao azy koa hampianatra azy, ary tsy niaro ny namanao tamin' ny vavany Hianao sady nanome azy rano, raha nangetaheta izy; **21** eny, efa-polo taona no namelomanao azy tany an-efitra, ka tsy nanan-java-mahory akory izy; tsy rovitra ny fitafiany, ary tsy nivonto ny tongony. **22** Ary nanome azy fanjakana sy firenena maro Hianao, ka voazaranao araka ny faritaniny avy ireny; ka dia nahazo ny tanin' i Sihona sy ny tanin' ny mpanjakan' i Hesbona ary ny tanin' i Oga, mpanjakan' i Basana, izy. **23** Ary ny zanany dia nohamaroinao ho tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra, sady nentinao ho amin' ny tany izay nolazainao tamin' ny razany fa hidirany holovana. **24** Dia niditra ny zanany ka nandova ny tany, ary nampietrenao teo anoloany ny Kananita tompon-tany, dia natolotrao ho eo an-tanany ireo mbamin' ny mpanjakany sy ny vahoakany hanaovany azy araka ny sitrapony. **25** Ary nahazo tanana mimanda sy tany lonaka izy ary trano feno zava-tsoa rehetra sy lavaka famorian-drano voahady sy tany voavoly voaloboka sy oliva ary hazo fihinam-boa betsaka; dia nihinana izy ka voky ary nihanatavy ka nifalifaly tamin' ny fahatsaranao lehibe. **26** Kanefa nandà izy sady niodina taminao ary nanary ny lalànao teo ivohony, dia namono ny mpamananinao, izay nananatra azy mafy hampiverenana azy ho aminao, ka nanao izay nampahasosotra indrindra izy. **27** Koa dia natolotrao ho eo an-tànan' ny fahavalony izy, ka nampahory azy ireny; nefa tamin' ny andro fahoriany dia nitaraina taminao izy, ka nihaino azy tany an-danitra Hianao, ary araka ny haben' ny fiantranao dia nomenao mpamonjy izy, ka namonjy azy tamin' ny tanan' ny fahavalony ireo. **28** Kanjo rehefa niadana izy, dia nanao ratsy teo anatrehanao indray; dia nafoinao ho eo an-tànan' ny fahavalony kosa izy, ka nanapaka azy ireny; fa nitaraina taminao indray izy, ary Hianao nihaino azy tany an-danitra ka namonjy izy matetika araka ny haben' ny fiantranao. **29** Ary nananatra azy mafy Hianao hampiverenanao azy ho amin' ny lalànao; kanefa mbola niavonavona ihany izy ka tsy nihaino ny didinao, fa nanota ny fitsipikao (iza mahavelona ny olona mankatò azy) ka nampihemotra ny sorony sy nanamafy ny hatony ary tsy nety nihaino. **30** Nefa nandefitra taona maro taminy Hianao, ary ny Fanahinao, Izay tao amin' ny mpamananinao, no nentinao nananatra azy mafy; fa tsy nety nihaino ihany izy, ka dia natolotrao ho eo an-tànan' ny firenena amin' ny tany hafa. **31** Nefa noho ny haben' ny fiantranao dia tsy navelanao ho lany ringana izy ary tsy nafoinao, satria Andriamanitra mamindra fo sy miantra Hianao. **32** Koa ankehitriny, ry Andriamanitray ô, Andriamanitra lehibe sady mahery no mahatahotra, Izay mitandrina ny fanekenao sy ny famindram-ponao, aoka tsy ho kely eo imasonao ny fahoriana rehetra izay nanjo anay, dia ny mpanjakanay sy ny mpanapaka anay sy ny mpisoronay sy ny mpamananinay ary ny razanay, dia ny olonao rehetra, hatramin' ny andron' ireo mpanjakan' i Asyria ka mandraka androany. **33** Hianao no marina tamin' izay rehetra nanjo anay, fa marina ny nataonao; fa izahay no nanao ratsy; **34** ary ny mpanjakanay sy ny mpanapaka anay sy ny mpisoronay ary ny razanay dia samy tsy nankato ny lalànao, na nihaino ny didinao sy ny teni-vavolombelonao, izay nananaranao azy mafy. **35** Fa tsy nanompo Anao teo amin' ny fanjakany izy sy teo amin' ny haben' ny zava-tsoa nomenao azy ary teo amin' ny tany malalaka sy lonaka izay nomenao ho eo anoloany, sady tsy niala tamin' ny ratsy fanaony izy. **36** Koa, indreto, andevo izahay izao, ary ny amin' ny tany izay nomenao ny razanay hihinanany ny vokatra sy ny soa avy aminy, indreto, andevo eto izahay; **37** ary mahavokatra be izy, kanefa ho an' ireo mpanjaka izay notendrenao hanapaka anay noho ny fahotanay ihany izany; eny, manapaka ny tenanay sy ny biby fiompinay araka ny sitrapony izy, ka ozoim-pahoriana mafy izahay. **38** Ary noho izany rehetra izany dia manao fanekena mafy izahay, ka soratanay izany ary manisy tombo-kase eo aminy ny mpanapaka anay sy ny Levitanay ary ny mpisoronay.

10 Ary ny nanisy tombo-kase dia Nehemia governora, zanak' i Hakalia, sy Zedekia, **2** ary Seraia, Azaria, Jeremia, **3** Pasora, Amaria, Malkia, **4** Hatosy, Sebania, Maloka, **5** Harima, Meremota, Obadia, **6** Daniela, Ginetona, Baroka, **7** Mesolama, Abia, Miamina, **8** Mazia, Bilgay, Semaia; samy mpisorona ireo. **9** Ary ny Levita kosa dia Jesoa, zanak' i Azania, Binoy isan' ny zanak' i Henadada, ary Kadmiela; **10** ary ny rahalahin' ireo dia Sebania, Hodia, Kelita, Pelaia, Hanana, **11** Mika, Rehoba, Hasabia, **12** Zakora, Serebia, Sebania, **13** Hodia, Bany Benino. **14** Ary ny loholona kosa dia Parosy, Pahata-moaba, Elama, Zato, Bany, **15** Bony, Azgada, Bebay, **16** Adonia, Bigvay, Adina, **17** Atera, Hezekia, Azora, **18** Hodia, Hasoma, Bezay, **19** Harifa, Anatota, Nebay, **20** Magpiasy, Mesolama, Hezira, **21** Mesezabela, Zadoka, Jadoa, **22** Pelatia, Hanana, Anaia, **23** Hosea, Hanania, Hasoba, **24** Halohesy, Pila, Sobeka, **25** Rehoma, Hasabna, Mahaseia, **26** Ahia, Hanana, Anana, **27** Maloka, Harima, Bana. **28** Ary ny olona sisa, dia ny mpisorona sy ny Levita sy ny mpiandry varavarana sy ny mpihira sy ny Netinima, ary izay rehetra efa niavaka tamin' ny tompon-tany hanaraka ny lalàn' Andriamanitra mbamin' ny vadin' ireo sy ny zananilahy ary ny zananivavy, izay rehetra efa nahahaino, **29** dia samy nikambana tsara tamin' ny andriandahy rahalahiny ka niozona sy nianiana hanaraka ny lalan' Andriamanitra, izay nampilazaina an' i Mosesy, mpanompon' Andriamanitra, ary hitandrina sy hankatò ny didy rehetra izay nataon' i Jehovah Tompontsika mbamin' ny fitsipika sy ny lalàny; **30** ary tsy hanome ny zananivavy ho vadin' ny tompon-tany, na haka ny zananivavy ho vadin'

ny zanakai-lahy; **31** tsy hividy zavatra amin' ny andro Sabata, na amin' izay andro masìna, raha misy entana na vary entin' ny tompon-tany hamidy amin' ny andro Sabata, ary tsy hamboly zavatra amin' ny taona fahafito sady hamoy izay trosa rehetra. **32** Ary nanao lalàna ho anay koa izahay handoa ny ampahatelon-tsekely isan-taona hanaovana ny fanompoana momba ny tranon' Andriamanitsika: **33** dia ho amin' ny mofo aseho sy ny fanatitra hohanina mandrakariva sy ny fanatitra dorana mandrakariva, ary ho amin' ny Sabata sy ny voaloham-bolana sy ny fotoam-pivavahana, ary ho amin' ny zava-masìna sy ny fanatitra noho ny ota hanaovana fanavotana ho an' ny Isiraely, dia hanaovana ny raharaha rehetra momba ny tranon' Andriamanitsika. **34** Ary nanao filokana izahay ny amin' ny hanateran' ny mpisorona sy ny Levita sy ny olona ny kitay hazo, hitondranay azy ho ao an-tranon' Andriamanitra araka ny fianakavianay avy amin' ny fotoan' andro isan-taona, handoroana eo ambonin' ny alitaran' i Jehovah Andriamanitsika araka izay voasoratra ao amin' ny lalàna, **35** ary mba hitondranay ny voaloham-bokatry ny taninay sy ny voaloham-bokatry ny hazo mamoa rehetra ho ao an-tranon' i Jehovah isan-taona isan-taona; **36** ary ny lahimatoanay sy ny voalohan-teraky ny biby fiompinay, araka izay voasoratra ao amin' ny lalàna, ary ny voalohan-teraky ny ombinay sy ny ondry aman' osinay dia nekenay hohentina ho an-tranon' i Jehovah Andriamanitsika, ho an' ny mpisorona izay manao fanompoam-pivavahana ao an-tranon' Andriamanitsika; **37** ary mba hitondranay ho an' ny mpisorona koa ny voalohan' ny kobanay voafetafeta sy ny fanatitra asandratray sy ny voaloham-bokatry ny hazo rehetra sy ny ranom-boaloboka ary ny diloilo ho amin' ny efi-trano ao an-tranon' Andriamanitsika, ary ny ampahafolon' ny vokatry ny taninay ho an' ny Levita; fa ny Levita no mpandray ny fahafolon-karena eny an-tanàna rehetra akaikin' ny fambolenay. **38** Ary hisy mpisorona anankiray, taranak' i Arona, hiaraka amin' ny Levita, raha mandray ny fahafolon-karena izy; ary ny ampahafolon' ny fahafolon-karena dia ho entin' ny Levita miakatra ho ao an-tranon' Andriamanitsika, ho ao amin' ny efi-trano ao an-trano fitehirizan-drakitra. **39** Fa ho ao amin' ireo efi-trano ireo no hitondran' ny Zanak' Isiraely sy ny Levita ny fanatitra asandratra, dia vary sy ranom-boaloboka ary diloilo, dia ho ao amin' ilay itoeran' ny fanaky ny fitoerana masìna sy ny mpisorona izay manao fanompoam-pivavahana sy ny mpiandry varavarana ary ny mpihira; ary tsy hahafoy ny tranon' Andriamanitsika izahay.

11 Ary nonina tany Jerosalema ny mpanapaka ny olona; ary ny olona sisa nanao filokana hahatonga ny ampahafolony honina any Jerosalema, tanàna masìna, fa ny sivy toko kosa dia any an-tanàna hafa. **2** Ary nisaoran' ny olona ny lehilahy rehetra izay nanolo-tena honina any Jerosalema. **3** Ary izao no ben' ny tany izay nonina tany Jerosalema; fa ny tao an-tanànan' ny Joda samy nonina tao amin' ny taniny avy, tao an-tanànany, dia ny Isiraely, ny mpisorona sy ny Levita sy ny Netinima ary ny taranaky ny mpanompon' i Solomona. **4** Ary tany Jerosalema no nonenan' ny sasany tamin' ny taranak' i Joda sy ny taranak' i Benjamina. Ny avy tamin' ny taranak' i Joda dia Ataia, zanak' i Ozia, zanak' i Zakaria, zanak' i Amaria, zanak' i Sefatia, zanak' i Mahalalila, avy tamin' ny taranak' i Fareza; **5** ary Mahaseia, zanak' i Baroka, zanak' i Kola-hoze, zanak' i Hazaia, zanak' i Adaia, zanak' i Joariba, zanak' i Zakaria, zanak' ilay Silonita. **6** Ny taranak' i Fareza rehetra izay nonina tany Jerosalema dia lehilahy mahery valo amby enim-polo amby efa-jato. **7** Ary izao no taranak' i Benjamina: Salo, zanak' i Mesolama, zanak' i Joeda, zanak' i Pedaia, zanak' i Kolaia, zanak' i Mahaseia, zanak' Itiela, zanak' i Jesaia; **8** ary nanarakaraka azy Gabay sy Salay; dia valo amby roa-polo amby sivinjato. **9** Ary Joela, zanak' i Zikry, no mpifehy azy; ary Joda, zanak' i Senoa, no lefitry ny komandin' ny tanàna. **10** Ny avy tamin' ny mpisorona dia Jedaia, zanak' i Joariba, ary Jakina. **11** Ary Seraia, zanak' i Hilkia, zanak' i Mesolama, zanak' i Zadoka, zanak' i Meraiota, zanak' i Ahitoba, no mpanapaka ny tranon' Andriamanitra. **12** Ary ny rahalahin' ireo izay mpanao ny raharaha tao an-trano dia roa amby roa-polo amby valon-jato; ary Adaia, zanak' i Jerohama, zanak' i Pelalia, zanak' i Amzy, zanak' i Zakaria, zanak' i Pasora, zanak' i Malkia, **13** ary ny rahalahiny, izay samy lohan' ny fianakaviana, dia roa amby efa-polo amby roan-jato; ary Amasay, zanak' i Azarela, zanak' i Ahazay, zanak' i Mesilemota, zanak' Imera, **14** mbamin' ny rahalahin' ireo, dia lehilahy mahery valo amby roa-polo amby zato; ary Zabdiela, zanak' i Hagedolima, no mpifehy azy. **15** Ary ny avy tamin' ny Levita dia Semaia, zanak' i Hasoba, zanak' i Azrikama, zanak' i Hasabia, zanak' i Bony; **16** ary Sabetahy sy Jozabada, avy tamin' ny lohan' ny Levita, no tonian' ny raharaha teo ivelan' ny tranon' Andriamanitra. **17** Ary Matania, zanak' i Mika, zanak' i Zabdy, zanak' i Asafa, no mpiventy, raha natao ny fisaorana tao am-pivavahana; ary Bakbokia no nanarakaraka teo amin' ny rahalahiny, dia vao Abda, zanak' i Samoa, zanak' i Galala, zanak' i Jedotona. **18** Ny Levita rehetra tao an-tanàna masìna dia efatra amby valo-polo amby roan-jato. **19** Ary ny mpiandry varavarana dia Akoba sy Talmona mbamin' ny rahalahiny izay niambina ny vavahady, dia roa amby fito-polo amby zato. **20** Ary ny sisa tamin' ny Isiraely sy ny mpisorona sy ny Levita, dia teny an-tanàna rehetra any Joda, samy tao amin' ny zara-taniny avy. **21** Fa ny Netinima dia nonina tany Ofela; ary Ziha sy Gispa no nifehy azy. **22** Ary ny mpifehy ny Levita tany Jerosalema amin' ny raharaha momba ny tranon' Andriamanitra dia Ozy, zanak' i Bany, zanak' i Hasabia, zanak' i Matania, zanak' i Mika, isan' ny mpihira, taranak' i Asafa. **23** Fa ny didin' ny mpanjaka ny amin' ireo mpihira ireo dia ny hahazoany izay anjara tokony ho azy isan' andro. **24** Ary Petahia, zanak' i Mesezabela, isan' ny taranak' i Zera, zanak' i Joda, dia teo anilan' ny mpanjaka hitandrina ny raharaha rehetra ny amin' ny olona. **25** Fa ny amin' ny vohitra eny an-tsaha, dia ny sasany tamin' ny taranak' i Joda no nonina tany Kiriat-arba sy ny zana-bohiny, ary tany Dibona sy ny zana-bohiny, ary tany Jekabzela sy ny zana-bohiny, **26** ary tany Jesoa sy Molada sy Beti-paleta **27** sy Hazara-soala ary Beri-sheba sy ny

zana-bohiny, **28** ary tany Ziklaga sy Mekona sy ny zana-bohiny, **29** ary tany En-rimona sy Zora sy Jarmota **30** sy Zanoa sy Adolama sy ny zana-bohiny, sy tany Lakisy sy ny sahany, ary tany Azeka sy ny zana-bohiny. Ary nonina hatram Beri-sheba ka hatramin' ny lohasahan' i Himona izy. **31** Ary ny taranak' i Benjamina kosa no hatrany Geba ka hatrany Mikmasy sy Aia sy Betela sy ny zana-bohiny, **32** ary tany Anatota sy Noba sy Anania **33** sy Hazora sy Rama sy Gitaima **34** sy Hadida sy Zeboïma sy Nebala **35** sy Loda sy Ono, lohasahan' ny mahay tao-zavatra. **36** Ary tao amin' ny Benjamina nisy Levita, izay isan' ny antokon' ny Joda.

12 Ary ny mpisorona sy ny Levita izay niara-niakatra tamin' i Zerobabela, zanak' i Sealtiela, sy Jesoa dia Seraia, Jeremia, Ezra, **2** Amaria, Maloka, Hatosy, **3** Sekania, Rehoma, Meremota, **4** Ido, Ginetoy, Abia, **5** Miamina, Madia, Bilga, **6** Semaia, Joiariba, Jedaia, **7** Salo, Amoka, Hilkia ary Jedaia. Ireo no lohan' ny mpisorona sy ny rahalahiny tamin' ny andron' i Jesoa. **8** Ary ny Levita kosa dia izao: Jesoa, Binoy, Kadmiela, Serebia, Joda ary Matania, dia izy ireo sy ny rahalahiny no tonian' ny fiderana. **9** Ary Bakbokia sy Ono, rahalahin' ireo, dia nifanandrify tamin' ny anjara-raharahany. **10** Ary Jesoa niteraka an' i Joiakima; ary Joiakima niteraka an' i Eliasiba; ary Eliasiba niteraka an' i Joiada; **11** ary Joiada niteraka an' i Jonatana; ary Jonatana niteraka an' i Jadoa. **12** Ary tamin' ny andron' i Joiakima dia nisy mpisorona, lohan' ny fianakaviana, dia izao: Ny avy tamin' i Seraia dia Meraia; ny avy tamin' i Jeremia dia Hanania; **13** ny avy tamin' i Ezra dia Mesolama; ny avy tamin' i Amaria dia Johanana; **14** ny avy tamin' i Meliko dia Jonatana; ny avy tamin' i Sebania dia Josefa; **15** ny avy tamin' i Hadma dia Adna; ny avy tamin' i Meraiota dia Helkay; **16** ny avy tamin' Ido dia Zakaria; ny avy tamin' i Ginetona dia Mesolama; **17** ny avy tamin' i Abia dia Zikry; ny avy tamin' i Miniamina, avy tamin' i Moadia, dia Piltahy; **18** ny avy tamin' i Bilga dia Samoa; ny avy tamin' i Semaia dia Jonatana; **19** ny avy tamin' i Joariba dia Matenay; ny avy tamin' i Jedaia dia Ozy; **20** ny avy tamin' i Salay dia Kalay; ny avy tamin' i Amoka dia Ebera; **21** ny avy tamin' i Hilkia dia Hasabia; ny avy tamin' i Jedaia dia Netanela. **22** Tamin' ny andron' i Eliasiba sy Joiada sy Johanana ary Jadoa ny Levita dia voasoratra ho lohan' ny fianakaviany; ary toy izany koa ny mpisorona, hatramin' ny nanjakan' i Dariosy Persiana. **23** Ny taranak' i Levy, lohan' ny fianakaviana, dia voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantara hatramin' ny andron' i Johanana, zanak' i Eliasiba. **24** Ary ny lohan' ny Levita dia Hasabia sy Serebia sy Jesoa, zanak' i Kadmiela, mbamin' ny rahalahin' ireo izay nifanandrify taminy, mba hidera sy hisaotra araka ny didin' i Davida, lehilahin' Andriamanitra, nifanandrify isan-tokony. **25** Matania, Bakbokia, Obadia, Mesolama, Talmona sy Akoba no mpiandry varavarana ka nitandrina ny fiambenana amin' ny trano firaketana. **26** Ireo no tamin' ny andron' i Joiakima, zanak' i Jesoa, zanak' i Jozadaka, sy tamin' ny andron' i Nehemia governora sy Ezra mpisorona sady mpanora-dalàna. **27** Ary rehefa hitokanana ny mandan' i Jerosalema, dia nitady ny Levita avy tamin' ny fonenany rehetra izy mba ho entina any Jerosalema hanao ny fitokanana amin' ny fifaliana sy ny fiderana ary ny hira mbamin' ny kipantsona sy ny valiha ary ny lokanga. **28** Dia niangona ny mpihira avy tamin' ny tany lemaka manodidina an' i Jerosalema sy ny avy tamin' ny vohitry ny Netofatita **29** sy Beti-gilgala ary ny sahan' i Geba sy Azmaveta; fa efa nanao vohitra ho azy manodidina an' i Jerosalema ny mpihira. **30** Ary ny mpisorona sy ny Levita samy nanadio ny tenany, ary nodioviny koa ny olona sy ny vavahady ary ny manda. **31** Dia nasaiko niakatra eo ambonin' ny manda ny mpanapaka ny Joda, ary nanendry mpanao fiderana roa tonta aho handeha milahatra tsara. Ny irai-dia nandeha tamin' ny ankavanana teo ambonin' ny manda ho amin' ny vavahadin-jezika; **32** ary nandeha nanarakaraka azy Hosaia sy ny antsasaky ny andriandahin' ny Joda, **33** dia Azaria sy Ezra sy Mesolama **34** sy Joda sy Benjamina sy Semaia ary Jeremia, **35** ary ny sasany tamin' ny taranaky ny mpisorona nitondra trompetra, dia Zakaria, zanak' i Jonatana, zanak' i Semaia, zanak' i Matania, zanak' i Mikaia, zanak' i Zakora, zanak' i Asafa, **36** mbamin' ny rahalahiny, dia Semaia sy Azarela, Milalay, Gilalay, May, Netanela sy Joda ary Hanany, nitondra ny zava-manenon' i Davida, lehilahin' Andriamanitra; ary Ezra mpanora-dalàna nandeha teo alohan' ireo. **37** Ary hatreo amin' ny vavahadin-doharano dia nizotra izy ka niakatra tamin' ny ambaratongan' ny Tanànan' i Davida, tamin' ny fiakarana amin' ny manda eo ambonin' ny tranon' i Davida ka hatramin' ny vavahadin-drano eo atsinanana. **38** Ary ny mpanao fiderana irai-dia kosa dia nandeha nifanandrify taminy sady narahiko sy ny antsasaky ny olona teo ambonin' ny manda hatreo ambonin' ny tilikambo misy ny fatana fandoroana ka hatramin' ny manda lehibe, **39** ary hatreo ambonin' ny vavahadin' i Efraima ay teo ambanin' ny vavahady taloha ary teo ambonin' ny vavahadin-kazandrano sy ny tilikambo Hananela sy ny tilikambo Hamea, dia hatramin' ny vavahadin' ondry; ary nilanona teo amin' ny vavahadin-trano-maizina izy. **40** Dia nijanona tao an-tranon' Andriamanitra izy roa tonta, ary izaho koa sy ny antsasaky ny mpanapaka izay niaraka tamiko **41** ary ny mpisorona, dia Eliakima, Mahaseia, Miniamina, Mikaia, Elioenay, Zakaria ary Hanania, nitondra trompetra, **42** ary Mahaseia sy Semaia sy Eleazara sy Ozy sy Johanana sy Malkia sy Elama ary Ezera. Ary nihira mafy ny mpihira sy Jizrahia, mpifehy azy. **43** Dia namono zavatra betsaka hatao fanatitra tamin' izany andro izany izy sady nifaly, fa Andriamanitra nampifaly azy indrindra; ary ny vadiny aman-janany nifaly koa; ka dia re lavitra ny fifaliana tany Jerosalema. **44** Ary tamin' izany andro izany dia nisy olona notendrena hitandrina ny efi-trano fitehirizana ny rakitra sy ny fanatitra asandratra sy ny voaloham-bokatra ary ny fahafolon-karena, mba hangonina ao izay anjara voadidy ho an' ny mpisorona sy ny Levita avy amin' ny saha manodidina ny isan-tanana; fa nifalian' ny Joda ireo mpisorona sy Levita izay nanompo ireo. **45** Dia nitandrina izay nasaina hotandremany ny amin' Andriamaniny sy ny amin' ny fanadiovana izy; ary toy izany koa ny mpihira sy ny mpiandry varavarana, araka ny didin' i Davida sy

Solomona zanany. **46** Fa fahiny tamin' ny andron' i Davida sy Asafa aza dia efa nisy lohan' ny mpihira sy hira fiderana ary fisaorana an' Andriamanitra. **47** Ary ny Isiraely rehetra tamin' ny andron' i Zerobabela sy Nehemia nanome ny anaran' ny mpihira sy ny mpiandry varavarana, dia ny anjarany isan' andro; ary nanokana izay ho an' ny Levita izy; ary ny Levita kosa nanokana izay ho an' ny taranak' i Arona.

13 Tamin' izany andro izany dia novakiana teo anatrehan' ny olona ny teny tao amin' ny bokin' i Mosesy, ka hita voasoratra ao fa ny Amonita sy ny Moabita dia tsy mahazo miditra amin' ny fiangonan' Andriamanitra ao fa ny Amonita sy ny Moabita dia tsy mahazo miditra amin' ny fiangonan' Andriamanitra mandrakizay, **2** satria tsy nitsena hanina sy rano ny Zanak' Isiraely izy, fa nanamby an' i Balama hanozona azy; kanjo nampodin' Andriamanitsika ho fitahiana kosa ny fanozonana. **3** Ary rehefa ren' ny olona ny lalàna, dia navahany hiala tamin' ny Isiraely ny olona hafa firenena rehetra. **4** Ary talohan' izany Eliasiba mpisorona, izay voatendry ho ao anatin' ny efi-trano ao an-tranon' Andriamanitsika sady havan' i Tobia akaikiny, **5** dia efa nanamboatra efi-trano lehibe ho azy, dia ilay nitehirizana ny fanatitra hohanina fahiny mbamin' ny ditin-kazo mani-pofona sy ny fanaka ary ny ampahafolon' ny vary sy ny ranom-boaloboka sy ny diloilo, izay anjara voadidy ho an' ny Levita sy ny mpihira ary ny mpiandry varavarana, ary ny fanatitra asandratra ho an' ny mpisorona. **6** Fa tamin' izany rehetra izany dia tsy mba tany Jerosalema aho: fa tamin' ny taona faharoa amby telo-polo nanjakan' i Artaksersesy, mpanjakan' i Babylona, no nahatongavako tany amin' ny mpanjaka; fa nony taoriandriana kely dia niera tamin' ny mpanjaka aho; **7** ary nankany Jerosalema aho ka nahita ny ratsy nataon' i Eliasiba ho an' i Tobia tamin' ny nanamboarany efi-trano ho azy teo anatin' ny kianjan' ny tranon' Andriamanitra. **8** Dia nalahelo indrindra aho, ka navoakako ny fanaka rehetra izay an' i Tobia hiala tamin' ny efi-trano. **9** Ary nasaiko nodiovin' ny olona ny efi-trano, dia naveriko tao indray ny fanaky ny tranon' Andriamanitra mbamin' ny fanatitra hohanina sy ny ditin-kazo mani-pofona. **10** Ary hitako fa tsy voaloa ny fiveloman' ny Levita; ka dia samy efa nandositra ho any an-tsahany avy ny Levita sy ny mpihira izay nanao ny raharaha. **11** Dia nifandahatra tamin' ny mpanapaka aho ka nanao hoe: Nahoana no dia ilaozana ny tranon' Andriamanitra? Dia namory azy aho ka nametraka azy teo amin' ny toerany avy. **12** Dia nentin' ny Joda rehetra ho ao amin' ny trano firaketana ny ampahafolon' ny vary sy ny ranom-boaloboka ary ny diloilo. **13** Ary nanendry mpitandrina ny trano firaketana aho, dia Selemia mpisorona sy Zadoka mpanoratra ary Pedaia avy tamin' ny Levita; ary manarakaraka azy telo lahy dia Hanana, zanak' i Zakora, zanak' i Matania; fa natao ho mahatoky ireo; ary ny adidin' ireo dia ny hizara ho an' ny rahalahiny. **14** Tsarovy aho noho izany, ry Andriamanitro ô, ka aza kosehina ny soa nataoko tao amin' ny tranon' Andriamanitro sy ny amin' ny raharaha tokony hatao ao. **15** Ary tamin' izany andro izany dia nahita ny sasany tany Joda aho fa nanosihosy famiazam-boaloboka tamin' ny Sabata sy nampiditra amboara ary nampitondra entana ny boriky sady nitondra divay koa sy voaloboka sy aviavy ary entana samy hafa rehetra, izay nentiny ho any Jerosalema tamin' ny andro Sabata; dia nananatra azy mafy aho tamin' ny andro nivarotany hanina. **16** Ary nisy olona avy any Tyro nitoetra tao, izay nitondra hazandrano sy varotra samy hafa ka nivarotra tamin' ny taranak' i Joda sy tany Jerosalema tamin' ny Sabata; **17** Dia nifandahatra tamin' ireo manan-kaja amin' ny Joda aho ka nanao taminy hoe: Inona izao zava-dratsy ataonareo izao, no dia mandoto ny andro Sabata ianareo? **18** Tsy nanao toy izao va ny razanareo, ka dia nahatran' Andriamanitsika amintsika sy amin' ity tanàna ity izao loza rehetra izao? fa ianareo izao dia efa mampitombo ny fahatezerana mirehitra izay mihatra amin' ny Isiraely amin' ny andotoanareo ny Sabata. **19** Ary raha vao malomaloka ny vavahadin' i Jerosalema talohan' ny Sabata, dia nasaiko nohidiana ny vavahady, ka tsy navelako hovohana mandra-pahatapitry ny Sabata ary notendreko ny zatovoko sasany hiambina teo am-bavahady mba tsy hampidirana entana amin' ny andro Sabata. **20** Ka dia nandry teo ivelan' i Jerosalema indray mandeha na indroa ny mpandranto sy ny mpivarotra zavatra samy hafa; **21** dia nananatra azy mafy aho ka nanao taminy hoe: Nahoana ianareo no mandry eto anilan' ny manda Raha mbola manao izany indray ianareo, dia hosamboriko. Koa hatramin' izany andro izany dia tsy tonga tamin' ny Sabata intsony izy. **22** Ary ny Levita dia nasaiko nanadio ny tenany ka ho avy hiambina eo am-bavahady, mba hanamasinany ny andro Sabata. Tsarovy aho noho izany koa, ry Andriamanitro ô, ary iantrao aho araka ny haben' ny famindram-ponao. **23** Ary tamin' izany andro izany dia hitako ny Jiosy izay efa nanambady vehivavy avy any Asdoda sy Amona sy Moaba; **24** ary ny antsasaky ny zanany dia nanao tenin' ny Asdodita, fa tsy nahay teny Jiosy, fa nanaraka ny fiteniny avy isam-pirenena izy. **25** Dia nifandahatra taminy aho ka nanozona azy ary namely ny sasany sy nandrompotra ny volony, dia nampianiana azy tamin' Andriamanitra hoe: Aza manome ny zanakareo-vavy ho vadin' ny zananilahy, ary aza maka ny zananivavy ho vadin' ny zanakareo-lahy, na ho vadinareo. **26** Tsy izany va no nanotan' i Solomona, Mpanjakan' i Isiraely? kanefa tsy nisy mpanjaka tahaka azy tany amin' ny firenena maro, fa tian' Andriamaniny izy ka nataon' Andriamanitra ho mpanjaka tamin' ny Isiraely rehetra; kanefa na dia izy aza dia, nampanotain' ny vehivavy hafa firenena. **27** Koa mety va raha ianareo no re fa manao izao ratsy lehibe rehetra izao ka manota amin' Andriamanitsika amin' ny akanareo vehivavy hafa firenena ho vadinareo? **28** Ary vinanton' i Sanbala Horonita ny anankiray amin' ny zanak' i Joiada, zanak' i Eliasiba, mpisoronabe, ka dia noroahiko niala teo amiko izy. **29** Tsarovy ireo, ry Andriamanitro ô, noho ny nandotoany fisoronana, eny, ny faneken' ny fisoronana sy ny Levita. **30** Toy izany no nanadiovako azy ho afaka amin' ny tamin' ny olona hafa firenena rehetra, sy nanendreko ny anjara-raharahan' ny mpisorona sy ny Levita samy ho amin' ny raharahany avy, **31** ary ny amin' ny fanaterana ny

kitay hazo tamin' izay fotoan' androny sy ny voaloham-
bokatra. Tsarovy aho ka hasoavy, ry Andriamanitro ô.

Estera

1 Ary tamin' ny andro nanjakan' i Ahasoerosy (ity Ahasoerosy ity ilay nanjaka hatrany India ka hatrany Etiopia, ka nizarazara ho fito amby roa-polo amby zato toko ny fanjakany), **2** dia tamin' izany andro izany, raha nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianan' ny fanjakany, izay tany Sosana renivohitra, Ahasoerosy mpanjaka, **3** tamin' ny taona fahatelo nanjakany, dia nanao fanasana ho an' ny mpanapaka sy ny mpanompony rehetra izy; ary teo anatrehany koa ny lehiben' ny miaramilan' i Persia sy Media sy ny mpanapaka mbamin' ireo komandin' ny isan-tokony amin' ny fanjakany; **4** ary nasehony andro maro, dia valo-polo amby zato andro, ny harena amam-boninahitry ny fanjakany ary ny tabiha sy rehareha momba ny fahalehibiazany. **5** Ary rehefa tapitra izany andro izany, ny olona rehetra izay tany Sosana renivohitra, na lehibe na kely, dia nanaovan' ny mpanjaka fanasana naharitra hafitoana teo amin' ny kianjan' ny tanimbolin' ny tranon' ny mpanjaka; **6** ary nisy lamba fotsy sy misoratsoratra sy manga nifehy tamin' ny kofehy rongony fotsy sy volomparasy tamin' ny masom-bolafotsy sy tsangantsangany vato marmora fotsy; ary nisy farafara volamena sy volafotsy teo amin' ny lampivato alabastara sy marmora fotsy sy hara ary marmora mainty. **7** Ary ny olona dia nampisotroina tamin' ny kapoaka volamena (samy hafa avokoa ny kapoaka,) ary betsaka ny divain' andriana araka ny fanomen' ny mpanjaka. **8** Ary ny nisotroan' ny olona dia araka ny tenin' andriana, ka tsy nisy nanery; fa toy izany no nandidian' ny mpanjaka ny mpitandrina ny tranony rehetra mba hanaovan' ny olona araka izay sitrapony avy. **9** Ary Vasty, vadin' ny mpanjaka, dia mba nanao fanasana ho an' ny vehivavy koa tao amin' ny tranom-panjakana, izay an' i Ahasoerosy mpanjaka. **10** Ary tamin' ny andro fahafito, nony faly ny fon' ny mpanjaka azon' ny divay, dia nomeny teny Mehomana sy Bizta sy Harbona sy Bigta sy Abagta sy Zetara ry Karkasa, tsindranolahy fito izay nanompo teo anatrehan' i Ahasoerosy mpanjaka, **11** ba hitondra an' i Vasty, vadin' ny mpanjaka, ho eo anatrehan' ny mpanjaka, misatroka ny satro-boninahitry ny fanjakana, mba haseho amin' ny olona sy ny mpanapaka ny hatsaran-tarehiny; fa maha-te-hizaha izy. **12** Fa Vasty, vadin' ny mpanjaka, nandà ny tenin' ny mpanjaka nentin' ny tsindranolahy ka tsy nety nankany. Dia tezitra loatra ny mpanjaka, ka nirehitra tao am-pony ny fahatezerany. **13** Dia hoy ny mpanjaka tamin' ny olon-kendry izay mpanandro (toy izany no nanaovana ny raharahan' ny mpanjaka teo anatrehan' izay rehetra nahalala lalàna sy fitsarana; **14** ary ny teo akaikiny dia Rarsena, Setara, Admata, Tarsisy, Maresa, Marsena, Memokana, mpanapaka fito tamin' i Persia sy Media, izay nahita ny tarehin' ny mpanjaka ka nipetraka tamin' ny fitoerana aloha teo amin' ny fanjakana): **15** Ahoana no hanaovana an' i Vasty, vadin' ny mpanjaka, raha araka ny lalàna, satria tsy nankato ny didiko, izaho Ahasoerosy mpanjaka, nentin' ny tsindranolahy izy? **16** Dia namaly Memokana teo anatrehan' ny mpanjaka sy ny mpanapaka ka nanao hoe: Tsy tamin' ny mpanjaka ihany no nanaovan' i Vasty, vadin' ny mpanjaka, izao ratsy izao, fa tamin' ny mpanapaka rehetra koa sy ny vahoaka rehetra isan-tokony eran' ny fanjakan' i Ahasoerosy mpanjaka; **17** fa hiely any amin' ny vehivavy rehetra izao zavatra nataon' ny vadin' ny mpanjaka izao, ka hanaovany ny vadiny ho tsinontsinona eo imasony, fa samy hanao hoe: Ahasoerosy mpanjaka aza nandidy an' i Vasty vadiny ho entina eo anatrehany, nefa tsy nety izy. **18** Ary na dia amin' izao andro izao aza ny andriambavin' i Persia sy Media, izay mandre ny nataon' ny vadin' ny mpanjaka, dia samy hilaza izany amin' ny mpanapaka rehetra voatendrin' ny mpanjaka; ka dia ho loza loatra ny famingavingana sy ny faniratsirana. **19** Koa raha sitraky ny mpanjaka, dia aoka hisy didim-panjakana hivoaka avy eto amin' ny mpanjaka ka hosoratana ao amin' ny lalàn' i Persia sy Media ka dia tsy hovana, fa tsy hahazo hankeo anatrehan' i Ahasoerosy mpanjaka intsony Vasty; ary ny voninahitr' i Vasty dia aoka homen' ny mpanjaka ho an' izay vehivavy hafa tsara noho izy. **20** Ary raha torina eran' ny fanjakany rehetra (fa lehibe izany) ny lalàn' ny mpanjaka izay hataony, dia samy hanome voninahitra ny vadiny avy na lehibe na kely, ny vehivavy rehetra. **21** Dia sitraky ny mpanjaka sy ny mpanapaka izany teny izany; ka dia nanao araka ny tenin' i Memokana ny mpanjaka, **22** ka nampitondra taratasy izy ho any amin' ny isan-tokony amin' ny fanjakan' ny mpanjaka, dia isan-tokony araka ny sorany avy, ary isam-pirenena araka ny fiteniny avy, mba hahatapaka ny ao an-tranony avy ny lehilahy rehetra, ary samy hiteny araka ny fiteniny avy isam-pirenena.

2 Rehefa afaka izany, nony efa nionona ny fahatezeran' i Ahasoerosy mpanjaka, dia nahatsiaro an' i Vasty sy izay efa nataony izy ary ny efa nitsarana azy. **2** Ka dia hoy ireo zatovon' ny mpanjaka izay nanompo azy: Aoka ny mpanjaka hitadiavana zazavavy virijina tsara tarehy; **3** ary aoka ny mpanjaka hanendry olona any amin' ny isan-tokony eran' ny ny fanjakany rehetra, dia aoka hovorin' ireny ny zazavavy virijina tsara tarehy rehetra ho ato Sosana renivohitra ho ao an-tranom-behivavy amin' ny fehin' i Hegay, tsindranolahin' i ny mpanjaka, mpifehy ny vehivavy; ary aoka homena ny zavatra fidiovany izy, **4** koa izay zazavavy sitraky ny mpanjaka no aoka hanjaka hisolo an' i Vasty. Dia sitraky ny mpanjaka izany teny izany, ka dia nataony. **5** Ary nisy Jiosy anankiray tany Sosana renivohitra. Mordekay no anarany, zanak' i Jaïra, zanak' i Simey, zanak' i Kisy, avy tamin' ny taranak' i Benjamina, **6** izay efa nentina ho babo avy tany Jerosalema tamin' ny babo izay nentina niaraka tamin' i Jekonia, mpanjakan' ny Joda, izay nobaboin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona. **7** Ary izy nitaiza an' i Hadasa (Estera izany), zanakavavin' ny rahalahin-drainy, izay tsy nanana ray sy reny intsony; ary razazavavy dia soa sady tsara tarehy, ary noraisin' i Mordekay ho zanany izy, rehefa maty rainy sy reniny. **8** Koa nony re ny tenin' ny mpanjaka sy ny lalàny, ka voavory tany Sosana renivohitra ny zazavavy maro ho andin' ny fehin' i Hegay, dia mba nentina ho ao an-tranon'

ny mpanjaka koa Estera ho amin' ny fehin' i Hegay, mpifehy ny vehivavy. **9** Ary nahafaly azy razazavavy ka nahita fitia teo imasony; dia nomeny faingana an-drazazavavy ny zavatra fidiovany sy ny anjara-haniny ary ny ankizivavy fito izay voafantina homena azy avy tao an-tranon' ny mpanjaka; ary nafindrany ho ao amin' ny fitoerana tsara indrindra ao an-tranom-behivavy izy sy ny ankizivaviny. **10** Nefa Estera tsy mbola nilaza ny fireneny na ny fianakaviany, satria nopeperan' i Mordekay mba tsy hilaza izany izy. **11** Ary Mordekay nitsangantsangana isanandro teo anoloan' ny kianjan' ny tranom-behivavy, mba hahafantarany izay toetran' i Estera sy izay anaovana azy. **12** Ary nony tonga ny andro hidiran' ny zazavavy tsirairay isan' andro tany amin' i Ahasoerosy mpanjaka, rehefa tapitra taminy ny roa ambin' ny folo volana, araka ny fomba fanomanana ny vehivavy (fa tapitra tamin' izay ny andro fidiovany, dia enim-bolana tamin' ny diloilo nisy miora, ary enim-bolana tamin' ny zava-manitra sy ny zavatra sasany koa fidiovan' ny vehivavy), **13** koa nony hiditra ao amin' ny mpanjaka ny zazavavy tamin' izany, dia nomena azy izay rehetra nilainy ho entiny avy amin' ny tranom-behivavy ho ao an-tranon' ny mpanjaka. **14** Tamin' ny hariva no nandeha izy, ary nony maraina dia niverina izy ho ao an-trano faharoa nitoeran' ny vehivavy, ho amin' ny fehin' i Sasegaza, tsindranolahin' i ny mpanjaka, mpitandrina ny vaditsindrano; ary tsy mba niditra tao amin' ny mpanjaka intsony izy, raha tsy tian' ny mpanjaka, ka voatonona ny anarany. **15** Ary rehefa tonga ny anjara-andron' i Estera, zanakavavin' i Abihaila, rahalahin-drain' i Mordekay izay efa nandray azy ho zananivavy, hidirany ao an-tranon' ny mpanjaka, dia tsy nila na inona na inona izy mihoatra noho izay notononin' i Hegay, tsindranolahin' i ny mpanjaka, mpitandrina ny vehivavy. Ary Estera nahita fitia teo imason' ny olona rehetra izay nijery azy. **16** Dia nentina ho ao amin' i Ahasoerosy mpanjaka Estera, ho ao an-tranon' ny fanjakana, tamin' ny volana fahafolo (volana Tebeta izany) tamin' ny taona fahafito nanjakany. **17** Ary tian' ny mpanjaka mihoatra noho ny vehivavy rehetra Estera, ka nahita fitia sy sitraka teo imasony mihoatra noho ny virijina rehetra izy, ka dia nosatrohany ny satro-boninahitry ny fanjakana izy ka nampanjakainy hisolo an' i Vasty. **18** Ary ny mpanjaka nanao fanasana lehibe ho an' ny mpanapaka rehetra sy ny mpanompony, dia fanasan' i Estera izany; ary nanendry andro fifaliana ho an' ny fanjakana rehetra isan-tokony izy sady nanome zavatra araka ny fanomen' ny mpanjaka. **19** Ary raha nisy virijina novorina fanindroany, dia nipetraka teo am-bavahadin' ny mpanjaka Mordekay. **20** Nefa Estera tsy mbola nilaza izay fianakaviany na izay fireneny, araka ilay nameperan' i Mordekay azy ihany; fa ny tenin' i Mordekay dia nankatoavin' i Estera tahaka ny fony Izy mbola nitaiza azy ihany. **21** Tamin' izany andro izany, raha Mordekay nipetraka teo am-bavahadin' ny mpanjaka, dia tezitra Bigtana sy Taresy, roa lahy isan' ny tsindranolahin' i ny mpanjaka, dia ilay mpiambina teo am-baravarana, ka nitady hamono an' i Ahasoerosy mpanjaka izy. **22** Ary fantatr' i Mordekay izany ka nambarany tamin' i Estera, vadin' ny mpanjaka; dia nambaran' i Estera tamin' ny mpanjaka kosa izany araka ny nampilazain' i Mordekay azy. **23** Atỳ rehefa nodinihina izany zavatra izany, dia, indro, marina; ka dia nahantona tamin' ny hazo izy roa lahy; ary nosoratana tao amin' ny bokin' ny tantara teo anatrehan' ny mpanjaka izany.

3 Rehefa afaka izany zavatra izany, dia nasandratr' i Ahasoerosy mpanjaka Hamana, zanak' i Hamedota Agagita, ka nomeny voninahitra, ary ny sezany nataony teo alohan' ny an' ny mpanapaka rehetra izay teo aminy. **2** Ary ny mpanompon' ny mpanjaka rehetra izay teo am-bavahadin' ny mpanjaka dia nandohalika sy niankohoka teo anatrehan' i Hamana; fa izany no didin' ny mpanjaka. Fa Mordekay kosa tsy mba nety nandohalika na niankohoka. **3** Dia hoy ny mpanompon' ny mpanjaka izay teo am-bavahadin' ny mpanjaka tamin' i Mordekay: Nahoana ianao no mandika ny didin' ny mpanjaka? **4** Nefa na dia niteny taminy isan' andro aza ireo, dia tsy mba nihaino azy izy, ka nolazain' Ireo tamin' i Hamana, mba hizahany na haharitra amin' ny teniny ihany Mordekay, na tsia; fa efa nilaza tamin' ireo izy fa Jiosy. **5** Ary rehefa hitan' i Hamana fa Mordekay tsy mba nety nandohalika na niankohoka teo anatrehany, dia tezitra loatra izy. **6** Ary nataon' i Hamana ho zavatra kely loatra ny haninji-tanana hamely an' i Mordekay irery ihany (fa efa nambara azy ny firenen' i Mordekay), ka dia nitady handringana ny Jiosy rehetra eran' ny fanjakan' i Ahasoerosy koa izy, dia ny firenen' i Mordekay. **7** Tamin' ny volana voalohany (volana Nisana izany) tamin' ny taona faharoa ambin' ny folo nanjakan' i Ahasoerosy mpanjaka, nisy nanao pora (filokana izany) teo anatrehan' i Hamana ny amin' ny isan' andro isan' andro sy ny isam-bolana isam-bolana hatramin' ny volana faharoa ambin' ny folo (volana Adara izany) **8** Ary hoy Hamana tamin' i Ahasoerosy mpanjaka: tsisy firenena iray efa miely sy mihahaka eny amin' ny firenena samy hafa isan-tokony eran' ny fanjakanao; ary hafa lalàna noho ny firenena rehetra ireny sady tsy mba mankatò ny lalàn' ny mpanjaka; ary tsy mendrika amin' ny mpanjaka ny hamela azy ho eny; **9** koa raha sitraky ny mpanjaka, aoka hosoratana mba haringana ireny, dia handoa talenta volafotsy iray alina ho eo an-tànan' ny mpanao raharaha aho ho entina ao an-trano firaketan' ny mpanjaka. **10** Dia nesorin' ny mpanjaka tamin' ny tànany ny peratra fanombohany ka nomeny an' i Hamana, zanak' i Hamedota Agagita, fahavalon' ny Jiosy. **11** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Hamana: Homena anao ihany ny volafotsy sy ny olona koa hanaovanao azy araka izay sitrakao. **12** Dia nantsoina ny mpanoratry ny mpanjaka tamin' ny andro fahatelo ambin' ny folo tamin' ny volana voalohany, ka nosoratana izany araka izay rehetra nandidian' i Hamana ho an' ny solo-mpanjaka sy ny governora tamin' ny isan-tokony ary ny mpanapaka ny firenena rehetra, ho any amin' ny isan-tokony araka ny sorany avy, ary ho amin' ny isam-pirenena araka ny fiteniny avy; dia tamin' ny anaran' i Ahasoerosy mpanjaka no nanoratany azy ka notombohiny tamin' ny peratra fanombohan' ny mpanjaka. **13** Ary ny taratasy dia nampitondrainy ny tsimandoa ho any amin' ny isan-tokony

amin' ny fanjakan' ny mpanjaka mba hampandringana sy hampamono ary hampandripaka ny Jiosy rehetra, na tanora na antitra hatramin' ny zaza amim-behivavy aza, amin' ny indray andro monja, dia tamin' ny andro fahatelo ambin' ny folo tamin' ny volana faharoa ambin' ny folo (volana Adara izany), ary handroba ny fananany. **14** Ny kopen' ny teny izay natao didy ho amin' ny isan-tokony amin' ny fanjakana dia nisokatra mba ho hitan' ny olona rehetra hampiomana azy ho amin' izany andro izany. **15** Dia nivoaka ny tsimandoa, ka nododonan' ny tenin' ny mpanjaka; ary nantsoina tany Sosana renivohitra koa ny lalàna. Ary ny mpanjaka sy Hamana nipetraka hisotro; fa ny tao an-tanàna Sosana kosa dia very hevitra.

4 Nony fantatr' i Mordekay izay rehetra efa natao, dia nandriatra ny fitafiany izy ka nitafy lamba fisaonana sady nihosin-davenona, dia nankeo afovoan' ny tanàna ka nitaraina sy nidradradradra mafy; **2** ary tonga teo anoloan' ny vavahadin' ny mpanjaka aza izy; nefa tsy nisy nahazo niditra teo amin' ny vavahadin' ny mpanjaka, raha nitafy lamba fisaonana. **3** Ary tany amin' ny isan-tokony tamin' ny fanjakana rehetra nalehan' ny tenin' ny mpanjaka sy ny didiny dia nalahelo mafy ny Jiosy ka nifady hanina sy nitomany ary nidradradradra, sady maro no nandry tamin' ny lamba fisaonana aman-davenona. **4** Ary niditra ny ankizivavin' i Estera sy ny tsindranolahiny ka nilaza izany taminy. Dia nalahelo indrindra ny vadin' ny mpanjaka, ka nampanatitra lamba hitafin' i Mordekay izy mba hanesorany ny lamba fisaonana taminy; nefa tsy nety nandray izy. **5** Ary Estera niantso an' i Hatàka, tsindranolahin' i ny mpanjaka, izay notendreny hanompo azy, ka nampitondra teny azy ho any amin' i Mordekay, mba hahafantarany izay anton' izany. **6** Dia nivoaka Hatàka nankany amin' i Mordekay ho eo an-kalalahana eo an-tanàna, dia ilay eo anoloan' ny vavahadin' ny mpanjaka; **7** dia nambaran' i Mordekay taminy izay rehetra efa nanjo azy sy ny isan' ny vola izay nokasain' i Hamana haloa ho ao an-trano firaketan' ny mpanjaka noho ny handringanana ny Jiosy. **8** Ary nomeny azy koa ny kopen' ny lalàna, izay nantsoina tany Sosana handringanana azy, mba haseho amin' i Estera hampahafantatra azy izany sy handidy azy hiditra ao amin' ny mpanjaka mba hifona aminy sy hangataka eo anatrehany ho an' ny fireneny. **9** Ary tonga Hatàka ka nanambara ny tenin' i Mordekay tamin' i Estera. **10** Fa Estera naniraka an' i Hatàka indray hanao amin' i Mordekay hoe: **11** Ny mpanompon' ny mpanjaka rehetra sy ny olona isan-tokony eran' ny fanjakany dia samy mahalala fa na iza na iza mankeo amin' ny mpanjaka ho eo an-kianja anatiny, na lehilahy na vehivavy, nefa tsy nantsoina, dia misy lalàna iray ihany hahafaty azy, afa-tsy izay hotondroin' ny mpanjaka amin' ny tehim-bolamena hahavelona azy; ary izaho anefa dia tsy mbola nantsoina hiditra ao amin' ny mpanjaka intsony telo-polo andro izay. **12** Dia nolazaina tamin' i Mordekay ny tenin' i Estera. **13** Ary Mordekay nampitondra valiny ho amin' i Estera hoe: Aza manao anakampo fa ho afaka mihoatra noho ny Jiosy rehetra ianao, saingy ao an-tranon' ny mpanjaka; **14** fa raha hangina mihitsy ianao amin' izao andro izao, dia hisy fahafahana sy famonjena hiseho avy amin' ny fitoerana hafa ho an' ny Jiosy, fa ianao sy ny mpianakavin-drainao kosa dia haringana; ary iza no mahalala, fa angamba ho amin' izao andro izao mihitsy no nanandratana anao ho amin' ny fanjakana? **15** Dia nampitondra valiny ho any amin' i Mordekay indray Estera ka nanao hoe: **16** Mandehana ary, vorio ny Jiosy rehetra izay mba ato Sosana ary mifadia hanina noho ny amiko, ka aza mihinana na misotro hateloana na andro na alina; ary izaho sy ny ankizivaviko hifady toy izany koa, ary amin' izany no hidirako ao amin' ny mpanjaka, na dia tsy araka ny lalàna aza; koa raha tàhiny maty aho, dia maty. **17** Dia lasa Mordekay ka nanao araka izay rehetra nandidian' i Estera azy.

5 Ary nony tamin' ny andro fahatelo, dia niakanjo akanjo fiandrianana Estera ka nitsangana teo amin' ny kianja anatiny amin' ny tranon' ny mpanjaka, dia teo anoloan' ny tranon' ny mpanjaka, ary ny mpanjaka nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianan' ny fanjakana tao an-dapa, tandrifin' ny vavahadin' ny trano. **2** Ary nony hitan' ny mpanjaka fa, indro, Estera, vadin' ny mpanjaka nitsangana teo an-kianja, dia nahita fitia teo imasony izy; ary ny mpanjaka nanondro an' i Estera tamin' ny tehim-bolamena izay teny an-tànany. Dia nanatona kosa Estera ka nanendry ny loha-tehina. **3** Dia hoy ny mpanjaka taminy: Inona no angatahinao, ry Estera, vadin' ny mpanjaka, ary inona no tadiavinao? Fa na dia hatramin' ny antsasaky ny fanjakana aza, dia homena anao izany. **4** Dia namaly Estera ka nanao hoe: Raha sitraky ny mpanjaka aoka, ny mpanjaka sy Hamana hankao anio amin' ny fanasana izay efa namboariko ho azy. **5** Dia hoy ny mpanjaka: Asaovy avy faingana Hamana mba hanao araka ny tenin' i Estera. Ary ny mpanjaka sy Hamana dia nankeo amin' ny fanasana izay efa namboarin' i Estera. **6** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Estera teo am-pisotroan-divay: Inona no angatahinao? Fa homena anao izany. Ary inona no tadiavinao? Fa na dia hatramin' ny antsasaky ny fanjakana aza, dia homena Izany. **7** Dia namaly Estera ka nanao hoe: Izao no angatahiko sy tadiaviko: **8** Raha mahita fitia eto imason' ny mpanjaka aho, ka sitraky ny mpanjaka ny hanome izay angatahiko sy hanome izay tadiaviko, dia aoka ny mpanjaka sy Hamana hankao amin' ny fanasana izay hamboariko ho azy indray; ary rahampitso dia hanao araka ny tenin' ny mpanjaka ihany aho. **9** Dia nivoaka tamin' izany andro izany Hamana, sady faly sy ravoravo ny fony; fa raha nahita an' i Mordekay teo am-bavahadin' ny mpanjaka izy, fa, indro, tsy mba nitsangana na nihetsika hitsaoka azy akory dia feno fahatezerana taminy izy. **10** Kanefa nanindry fo ihany Hamana ka lasa nody tany an-tranony aloha; dia naniraka naka ny sakaizany sy Zaresy vadiny izy. **11** Ary nambaran' i Hamana tamin' ireo ny voninahitry ny hareny sy ny hamaroan' ny zanany mbamin' Izay voninahitra rehetra nomen' ny mpanjaka azy sy ny nanandratany azy ho ambony noho ny mpanapaka sy ny mpanompon' ny mpanjaka. **12** Ary hoy koa Hamana: He! Estera, vadin' ny mpanjaka, aza tsy naka olona afa-

tsy izaho ihany hiaraka amin' ny mpanjaka ho amin' ny fanasana izay efa namboariny; fa nasainy hiaraka amin' ny mpanjaka aho koa rahampitso. **13** Nefa na dia izany rehetra izany aza, dia tsy mbola mahafa-po ahy ihany, raha mbola mahita an' i Mordekay Jiosy mipetraka eo am-bavahadin' ny mpanjaka aho. **14** Dia hoy Zaresy vadiny sy ny sakaizany rehetra taminy: Aoka hanaovana hazo, dimam-polo hakiho ny hahavony, ary raha maraina dia lazao amin' ny mpanjaka mba hahantona eo Mordekay; fa mandehana miaraka amin' ny mpanjaka amin' ny hafaliana ho any amin' ny fanasana ianao. Ary sitrak' i Hamana izany zavatra izany, ka dia nampanao ilay hazo izy.

6 Ary tamin' iny alina iny tsy nahita torimaso ny mpanjaka ka nampaka ny boky fitadidiana ny tantara; ary novakina teo anatrehan' ny mpanjaka izany. **2** Ka, indro, voasoratra fa Mordekay no niampanga an' i Bigtana sy Taresy, roa lahy isan' ny tsindranolahin' i ny mpanjaka, dia ireo mpiambina teo am-baravarana izay nitady hamono an' i Ahasoerosy mpanjaka. **3** Ary hoy ny mpanjaka: Inona moa no fisandratana sy voninahitra mba efa nomena an' i Mordekay noho izany? Fa hoy ny zatovon' ny mpanjaka Izay nanompo azy: Tsy mbola nisy nomena azy. **4** Ary hoy ny mpanjaka: Iza no ao an-kianja ao? Ary Hamana kosa efa sendra tonga tao an-kianja ivelan' ny tranon' ny mpanjaka tamin' izay hiteny amin' ny mpanjaka ny amin' ny hanantonana an' i Mordekay amin' ilay hazo efa natsangany hanantonana azy. **5** Ka hoy ny zatovon' ny mpanjaka taminy: Indro, Hamana no mitsangana ao an-kianja. Ary hoy ny mpanjaka: Asaovy miditra izy. **6** Dia niditra Hamana ka hoy ny mpanjaka taminy: Inona no mendrika hatao amin' izay lehilahy tian' ny mpanjaka homem-boninahitra? Ary Hamana nanao anakampo hoe: Koa iza indray moa no ho tian' ny mpanjaka homem-boninahitra afa-tsy izaho? **7** Ka dia hoy Hamana tamin' ny mpanjaka: Ny amin' izay lehilahy tian' ny mpanjaka homem-boninahitra, **8** aoka halaina izay akanjo fiandrianana efa niakanjoan' ny mpanjaka sy soavaly izay efa nitaingenan' ny mpanjaka sady voaisy satro-boninahitra ny lohany; **9** dia aoka izany fitafiana sy soavaly izany no hatolotra eo an-tànan' ny anankiray izay malaza indrindra amin' ny mpanapaka voatendrin' ny mpanjaka, ary aoka izay lehilahy tian' ny mpanjaka homem-boninahitra no hampiakanjoina izany ka hampitaingenina amin' ny soavaly, dia ho entina eny an-kalalahana eto an-tanàna, ary aoka hisy hiantso eo alohany hoe: Izao no hatao amin' ny lehilahy izay tian' ny mpanjaka homem-boninahitra. **10** Dia hoy ny mpanjaka tamin' i Hamana: Faingana ary, alao ny akanjo sy ny soavaly araka ny voalazanao, ka dia ataovy araka izany amin' i Mordekay Jiosy, izay mipetraka eo am-bavahadin' ny mpanjaka; aza asiana latsaka izay rehetra nolazainao. **11** Dia nalain' i Hamana ny akanjo sy ny soavaly, ka nampiakanjo an' i Mordekay izy ary nampitaigina azy tamin' ny soavaly, dia nitondra azy ho eny an-kalalahana teo an-tanàna ka niantso teo alohany hoe: Izao no hatao amin' ny lehilahy izay tian' ny mpanjaka homem-boninahitra. **12** Ary Mordekay niverina nankeo amin' ny vavahadin' ny mpanjaka; fa Hamana kosa nody faingana ho any an-tranony sady nalahelo no nisarondoha. **13** Dia nolazain' i Hamana tamin' i Zaresy vadiny sy ny sakaizany rehetra izay zavatra nanjo azy. Ary hoy ny olon-kendry rehetra sy Zaresy vadiny taminy: Raha avy amin' ny taranaky ny Jiosy Mordekay, izay efa niantomboka nandavo anao teo anatrehany, dia tsy haharesy azy mihitsy ianao, fa ho lavo eo anatrehany tokoa. **14** Ary raha mbola niresaka taminy ihany ireo, dia tonga ny tsindranolahin' ny mpanjaka ka naka faingana an' i Hamana ho ny amin' ny fanasana izay efa namboarin' i Estera.

7 Ary ny mpanjaka sy Hamana dia nankao amin' i Estera, vadin' ny mpanjaka, ho ao amin' ny fanasana **2** Ary hoy indray ny mpanjaka tamin' i Estera teo am-pisotroan-divay tamin' ny andro faharoa inona no angatahinao, ry Estera, vadin' ny mpanjaka? Fa homena anao izany. Ary inona ange no tadiavinao? Fa na dia hatramin' ny antsasaky ny fanjakana aza dia hotovina izany. **3** Dia namaly Estera, vadin' ny mpanjaka, ka nanao hoe: Raha mahita fitia eto imasonao ary aho, ry mpanjaka, ka sitraky ny mpanjaka, dia aoka homena ahy ny aiko araka ny fifonako ary ny fireneko araka ny fangatahako; **4** fa namidy izahay, dia izaho sy ny fireneko, mba haringana sy hovonoina ary haripaka; fa raha tahìny namidy ho andevolahy sy ho andevovavy izahay, dia ho nangina ihany aho; kanefa anie tsy mahonitra ny fatiantoky ny mpanjaka tsinona ilay fahavalo e. **5** Dia namaly Ahasoerosy mpanjaka ka nanao tamin' i Estera, vadin' ny mpanjaka, hoe: Iza moa izany, ary aiza no hisy hasesiky ny fony hanao izany akory? **6** Fa hoy Estera: Io Hamana ratsy fanahy io no rafilahy sy fahavalo! Dia raiki-tahotra teo anatrehan' ny mpanjaka sy ny vadin' ny mpanjaka Hamana. **7** Ary tezitra dia tezitra ny mpanjaka, dia nitsangana niala teo am-pisotroan-divay ho eny an-tanimbolin' ny trano; ary Hamana kosa nitsangana hangataka ny ainy tamin' i Estera, vadin' ny mpanjaka, satria hitany fa misy loza hamelin' ny mpanjaka azy. **8** Ary ny mpanjaka niverina avy teo an-tanimbolin' ny trano ho ao amin' ilay efa nisotroany divay teo, ary Hamana sendra niapoka tamin' ny farafara nandrian' i Estera. Dia hoy ny mpanjaka: Moa hisavika ny vadin' ny mpanjaka eto anatrehako eto an-trano va io? Raha vantany vao naloaky ny vavan' ny mpanjaka izany teny izany, dia nisy nanarona ny tavan' i Hamana **9** Ary Harbona, tsindranolahy anankiray, izay teo anatrehan' ny mpanjaka, dia nilaza hoe Indro miorina eo akaikin' ny tranon' i Hamana ny hazo, dimam-polo hakiho ny hahavony, izay nataon' i Hamana hanantonany an' i Mordekay, ilay niteny soa ho an' ny mpanjaka. Dia hoy ny mpanjaka ahantòny amin' io izy. **10** Ary Hamana dia nahantony tamin' ilay hazo efa natsangany hanantonana an' i Mordekay. Dia vao izay no nionona ny hatezeran' ny mpanjaka.

8 Tamin' izany andro izany dia nomen' i Ahasoerosy mpanjaka ho an' i Estera, vadin' ny mpanjaka, ny tranon' i Hamana, fahavalon' ny Jiosy. Ary Mordekay nankeo anatrehan' ny mpanjaka, fa efa voalazan' i Estera fa rainy izy **2** Ary nesorin' ny mpanjaka ny peratra fanombohany, izay efa nalainy tamin' i Hamana, ka nomeny an' i Mordekay.

Ary Mordekay dia notendren' i Estera hanapaka ny tranon' i Hamana. **3** Dia niteny teo anatrehan' ny mpanjaka indray Estera sady niankohoka tamin' ny tongony ka nitomany sy nifona taminy mba hahafoana ny ratsy nataon' i Hamana Agagita sy ny hevitra nataony hamelezany ny Jiosy. **4** Ary ny mpanjaka nanondro an' i Estera tamin' ny tehim-bolamena. Dia nitsangana Estera ka nijanona teo anatrehan' ny mpanjaka **5** ary nanao hoe: Raha sitraky ny mpanjaka, ary mahita fitia eto imasony aho, sady ataon' ny mpanjaka ho mety izany, ka mahita sitraka eto imasony aho, dia aoka hisy soratra hanova ireny taratasy voahevitr' i Hamana, zanak' i Hamedota Agagita, ireny izay nosoratany hampandringana ny Jiosy amin' ny isan-tokony eran' ny fanjakan' ny mpanjaka; **6** fa hataoko ahoana no fijery ny loza hanjo ny fireneko? Ary hataoko ahoana no fijery ny fandringanana ny havako? **7** Dia hoy Ahasoerosy mpanjaka tamin' i Estera, vadin' ny mpanjaka sy tamin' i Mordekay Jiosy: Indro, ny tranon' i Hamana efa nomeko an' i Estera, ary izy dia efa nahantona tamin' ny hazo, satria naninjitra ny tànany hamely ny Jiosy; **8** ary ianareo kosa dia manorata amin' ny anaran' ny mpanjaka izay sitrakareo hamonjy ny Jiosy, ka tombohy amin' ny peratra fanombohan' ny mpanjaka izany; fa tsy misy mahavadika ny soratra izay efa voasoratra tamin' ny anaran' ny mpanjaka sy efa voatomboka tamin' ny peratra fanombohan' ny mpanjaka **9** Dia nantsoina tamin' izay ny mpanoratry ny mpanjaka, tamin' ny andro fahatelo amby roa-polo tamin' ny volana fahatelo (volana Sivana izany); ary nosoratana araka izay rehetra nandidian' i Mordekay izany ho any amin' ny Jiosy sy ny solo-mpanjaka sy ny governora ary ny mpanapaka amin' ny isan-tokony hatrany India ka hatrany Etiopia, dia fito amby roa-polo amby zato toko, ny isan-tokony araka ny sorany avy, ary ny isam-pireneny araka ny fiteniny avy, ary ny Jiosy araka ny sorany sy araka ny fiteniny. **10** Ary nanoratra taratasy tamin' ny anaran' i Ahasoerosy mpanjaka izy ka notombohiny tamin' ny peratra fanombohan' ny mpanjaka, ary ny taratasy dia nampitondrainy ny tsimandoa mitaingin-tsoavaly sy soavaly haingam-pandeha ary ampondra, zanaky ny soavalivavy; **11** ka ny Jiosy izay teny amin' ny isan-tanàna dia navelan' ny mpanjaka hivory hiaro ny ainy ary handringana sy hamono ka handripaka ny herin' ny firenena sy ny tany rehetra izay te-hiady aminy, mbamin' ny vady aman-janak' ireny ary handroba ny fananany **12** amin' ny andro iray ihany any amin' ny isan-tokony eran' ny fanjakan' i Ahasoerosy mpanjaka, dia amin' ny andro fahatelo ambin' ny folo amin' ny volana faharoa ambin' ny folo (volana Adara izany). **13** Ny kopen' ny teny natao didy ho amin' ny isan-tokony eran' ny fanjakana dia nantsoina tamin' ny olona rehetra mba hampiomana ny Jiosy ho amin' izany andro izany hamaliany ny fahavalony. **14** Dia lasa ny tsimandoa izay nitaingina soavaly haingam-pandeha sy ampondra, ka nohafainganina sy nododonan' ny tenin' ny mpanjaka izy. Ary nantsoina tany Sosana renivohitra koa ny lalàna. **15** Ary tamin' ny nialan' i Mordekay teo anatrehan' ny mpanjaka dia niakanjo akanjo fiandrianana manga sy fotsy izy sady nisatroka satro-boninahitra volamena lehibe sy niakanjo akanjo lava rongony fotsy madinika sy volomparasy; ary faly sy ravo ny tanana Sosana. **16** Ny Jiosy dia nahazo fahazavana sy faharavoravoana sy fifaliana ary voninahitra. **17** Ary teo amin' ny isan-tokony eran' ny fanjakana sy teny an-tanàna rehetra izay nahatongavan' ny didin' ny mpanjaka sy ny teniny dia nahazo hafaliana sy faharavoravoana ny Jiosy sady nanao fanasana sy andro mahafaly. Ary maro ny olona tompon-tany no tonga Jiosy, satria nahazo azy ny fahatahorana ny Jiosy.

9 Ary tamin' ny andro fahatelo ambin' ny folo tamin' ny volana faharoa ambin' ny folo (volana Adara izany), rehefa akaiky ny andro hanatanterahana ny tenin' ny mpanjaka sy ny didiny, dia ny andro izay efa nantenain' ny fahavalon' ny Jiosy haharesena azy indrindra (kanjo navadika izany, ka ny Jiosy kosa no naharesy izay nankahala azy), **2** dia nivory tany an-tanànany avy ny Jiosy, tany amin' ny isan-tokony eran' ny fanjakan' i Ahasoerosy mpanjaka, mba hamely izay nividy hanisy ratsy azy; ary tsy nisy olona nahajanona teo anoloany, fa efa nahazo ny olona rehetra ny fahatahorana azy. **3** Ary ny mpanapaka rehetra isan-tokony tamin' ny fanjakana sy ny solo-mpanjaka sy ny governora mbamin' ny mpanao raharahan' ny mpanjaka dia nanampy ny Jiosy, satria azon' ny fahatahorana an' i Mordekay izy. **4** Fa Mordekay dia lehibe tao an-tranon' ny mpanjaka, ary ny lazany niely tany amin' ny isan-tokony eran' ny fanjakana; fa nitombo sy nisandratra ihany io lehilahy Mordekay io. **5** Ary nasian' ny Jiosy ny fahavalony rehetra ka nokapainy sabatra sy novonoiny ary naringany, fa nahazo nanao araka izay sitraky ny fony tamin' izay nankahala azy izy. **6** Ary tany Sosana renivohitra aza ny Jiosy dia nahavono sy naharingana diman-jato lahy; **7** ary Parsandata sy Dalfona sy Aspata **8** sy Porata sy Adalia sy Aridata **9** sy Parmasta sy Arisay sy Ariday ary Vaizata, **10** izy folo lahy, zanak' i Hamana, zanak' i Hamedota, fahavalon' ny Jiosy, dia novonoiny koa; kanefa ny fananany tsy mba norobainy tsy akory. **11** Androtrizay ihany dia nambara tamin' ny mpanjaka ny isan' ny voavono tany Sosana renivohitra. **12** Ary hoy ny mpanjaka tamin' i Estera, vadin' ny mpanjaka: Teto Sosana renivohitra aza ny Jiosy efa nahavono sy naharingana diman-jato lahy mbamin' izy folo lahy, zanak' i Hamana; koa nanao ahoana kosa no nataony tamin' ny isan-tokony eran' ny fanjakan' ny mpanjaka! Dia inona koa no angatahinao? Fa hatao izany. Ary inona no mbola tadiavinao? Fa homena izany. **13** Dia hoy Estera: Raha sitraky ny mpanjaka, dia aoka ny Jiosy izay eto Sesana havela hanao toy ny natao androany ihany koa rahampitso, ary aoka hahantona amin' ny hazo koa izy folo lahy, zanak' i Hamana. **14** Dia nasain' ny mpanjaka natao izany; ary nantsoina tany Sosana ny teny, ka dia nahantona izy folo lahy, zanak' i Hamana. **15** Dia nivory indray ny Jiosy izay tany Sosana tamin' ny andro fahefatra ambin' ny folo tamin' ny volana Adara ka namono olona telon-jato lahy tany Sosana; kanefa ny fananany tsy mba norobainy tsy akory. **16** Ary ny Jiosy sasany isan-tokony tamin' ny fanjakan' ny mpanjaka dia nivory hiaro ny ainy, ka afaka tamin' ny fahavalony izy, ary dimy arivo amby fito alina no matiny

(kanefa ny fananany tsy mba norobainy) **17** tamin' ny andro fahatelo ambin' ny folo tamin' ny volana Adara; ary nitsahatra izy tamin' ny andro fahefatra ambin' ny folo, ka nataony ho andro fanasana sy firavoravoana izany. **18** Fa ny Jiosy izay tany Sosana kosa nivory tamin' ny andro fahatelo ambin' ny folo tamin' io ihany sy tamin' ny andro fahefatra ambin' ny folo koa; ary nitsahatra tamin' ny andro fahadimy ambin' ny folo izy, ka dia io no nataony andro fanasana sy firavoravoana. **19** Koa noho izany ny Jiosy tany ambanivohitra, izay nitoetra tamin' ny vohitra madinika, dia nanao ny andro fahefatra ambin' ny folo amin' ny volana Adara ho firavoravoana sy fanasana sy andro mahafaly ary fifanateran-javatra. **20** Ary Mordekay nanoratra ny amin' izany zavatra izany sady nampitondra taratasy ho any amin' ny Jiosy rehetra izay tany amin' ny isan-tokony eran' ny fanjakan' i Ahasoerosy mpanjaka, na ny akaiky na ny lavitra, **21** mba hampitandrina azy ny andro fahefatra ambin' ny folo sy ny fahadimy ambin' ny folo amin' ny volana Adara isan-taona, **22** dia araka ny andro nahafahan' ny Jiosy tamin' ny fahavalony, sy ny volana izay nampodiana ny alahelony ho fifaliana ary ny fitomaniany ho andro mahafaly, mba hatao ho andro fanasana sy fifaliana sy fifanateran-javatra ary fanomezan-javatra ho an' ny mahantra izany. **23** Ary ny Jiosy nanaiky hanao araka izay vao nataony, dia araka izay efa nosoratan' i Mordekay taminy, **24** satria Hamana, zanak' i Hamedota Agagita, fahavalon' ny Jiosy rehetra, efa nihevitra handringana ny Jiosy ka efa nanao pora (filokana izany) handreseny sy handringanany azy; **25** fa raha nankeo anatrehan' ny mpanjaka izany, dia nampanoratra taratasy handidy mba hatsingerina ho eo amin' ny lohany ihany ny hevi-dratsy nokasain' i Hamana hatao amin' ny Jiosy, ary mba hahantona amin' ny hazo izy sy ny zananilahy. **26** Izany no nanaovana ireo andro ireo hoe Porima, dia araka ny anarana hoe Pora. Ary araka ny teny rehetra tamin' izany taratasy izany sy izay hitany ny amin' izany zavatra efa nanjo azy izany **27** dia nanao lalàna tsy azo ovana ny Jiosy ka nanaiky fa izy sy ny taranany ary izay rehetra miray aminy dia hitandrina izany andro roa izany araka ny voasoratra sy araka ny fotoany isan-taona; **28** ary mba hotsarovana sy hotandremana ireo andro ireo amin' ny taranany rehetra sy ny fokony rehetra sy ny isan-tokony eran' ny fanjakana rehetra sy amin' ny isan-tanàna; ary mba tsy ho tapaka amin' ny Jiosy ireo andro Porima ireo, ka tsy hitsahatra ny fahatsiarovana izany amin' ny taranany. **29** Ary Estera, vadin' ny mpanjaka, sady zanakavavin' i Abihaila sy Mordekay Jiosy, dia nanoratra tamin' ny fahefana rehetra hanamafy izany taratasy faharoa milaza ny Porima izany. **30** Ary nampitondra taratasy ho any amin' ny Jiosy rehetra izy dia ho any amin' ny toko fito amby roa-polo amby zato amin' ny fanjakan' i Ahasoerosy, manao teny fiadanana sy fahamarinana, **31** mba hampitandrina azy Ireo andro Porima ireo amin' ny fotoany, araka izay nandidian' i Mordekay Jiosy sy Estera, vadin' ny mpanjaka, azy sy araka izay efa nekeny ho an' ny tenany sy ny taranany koa ny amin' ny fifadian-kaniny sy ny fitarainany. **32** Ary ny tenin' i Estera dia nanamafy izany teny milaza ny Porima izany; ary voasoratra tao amin' ny boky izany.

10 Ary Ahasoerosy mpanjaka nampandoa hetra ny tany sy ny nosin-dranomasina. **2** Ary izay rehetra nataony araka ny fahefany sy ny heriny mbamin' ny filazana ny fahalehibiazan' i Mordekay, araka izay nanandratan' ny mpanjaka azy, tsy efa voasoratra ao amin' ny bokin' ny tantaran' ny mpanjakan' i Media sy Persia va izany? **3** Fa Mordekay Jiosy no nanarakaraka an' i Ahasoerosy mpanjaka sady nalaza tamin' ny Jiosy ka nankasitrahan' ny rahalahiny maro, satria nitady hihasoa ny fireneny izy sady nilaza fiadanana tamin' ny olona rehetra iray firazanana aminy.

Joba

1 Nisy lehilahy tany amin' ny tany Oza Joba no anarany; ary marina sy mahitsy izany lehilahy izany sady natahotra an' Andriamanitra ka nifady ny ratsy. **2** Ary niteraka fito lahy sy vavy telo izy. **3** Ary ny fananany dia ondry aman' osy fito arivo sy rameva telo arivo sy omby arivo sy borikivavy diman-jato ary mpanompo maro be; ka dia nanan-karena be mihoatra noho ny zanaky ny atsinanana rehetra izany lehilahy izany. **4** Ary fanaon' ny zananilahy ny nandeha sy nanao fanasana isaky ny an' androny avy isan-tranony; dia naniraka naka ny anabaviny telo mirahavavy izy hiara-mihinana sy misotro aminy. **5** Ary isaky ny tapitra nitsingerina ireo andro fanasana ireo dia naniraka Joba ka nanamasina ireny ary nifoha maraina koa izy ka nanatitra fanatitra dorana araka ny isan' izy rehetra; fa hoy Joba: Fandrao efa nanota ny zanako ka nandà an' Andriamanitra tao am-pony. Izany no nataon' i Joba mandrakariva. **6** Ary tamin' ny indray andro nony avy ireo zanak' Andriamanitra hiseho teo anatrehan' i Jehovah dia mba tonga teo koa Satana tafaharo taminy. **7** Dia hoy Jehovah tamin' i Satana: Avy taiza ianao? Dia namaly an' i Jehovah Satana ka nanao hoe: Avy nizahazaha teny amin' ny tany aho ka nivezivezy teny. **8** Dia hoy Jehovah tamin' i Satana: Efa nandinika an' i Joba mpanompoko va ianao? Fa tsy misy tahaka azy eny ambonin' ny tany, fa olona marina sy mahitsy izy sady matahotra an' Andriamanitra ka mifady ny ratsy. **9** Ary Satana dia namaly an' i Jehovah ka nanao hoe: Moa tsy fanantenan-javatra va no atahoran' i Joba an' Andriamanitra? **10** Tsy Hianao va no nanao fefy manodidina azy sy manodidina ny tranony ary manodidina izay ananany rehetra? Notahinao ny asan' ny tànany ka manenika ny tany ny omby aman' ondriny. **11** Fa ahinjiro ange ny tananao ka tendreo izay ananany rehetra raha tsy handà Anao eo imasonao aza izy e! **12** Dia hoy Jehovah tamin' i Satana: Indro eo an-tananao izay ananany rehetra; fa ny tenany ihany no aza aninjiranao ny tananao. Dia nivoaka Satana niala teo anatrehan' i Jehovah. **13** Ary tamin' ny indray andro dia nihinana sy nisotro divay teo an-tranon' ny zokiny lahimatoa ny zananilahy sy ny zananivavy; **14** ary nisy iraka tonga tany amin' i Joba ka nanao hoe: Ny omby niasa, ary ny borikivavy nandrasana teo anilany, **15** dia namely azy tampoka ny Sabeana ka namabo azy, ary ny ankizilahy dia nasiany tamin' ny lelan-tsabatra, ary izaho dia izaho irery ihany no afa-nandositra hilaza aminao. **16** Raha mbola niteny izy, dia nisy anankiray koa tonga ka nanao hoe: Nisy afon' Andriamanitra latsaka avy tany an-danitra ary nandoro ny ondry aman' osy sy ny ankizilahy ka nandevona azy, ary izaho dia izaho irery ihany no afa-nandositra hilaza aminao. **17** Raha mbola niteny izy, dia nisy anankiray koa tonga ka nanao hoe: Ny Kaldeana nanao telo toko, dia niroatany ny rameva ka nobaboiny, ary ny ankizilahy dia nasiany tamin' ny lelan-tsabatra, ary izaho dia izaho irery ihany no afa-nandositra hilaza aminao. **18** Raha mbola niteny izy, dia nisy anankiray koa tonga ka nanao hoe: Ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy dia nihinana sy nisotro divay tao an-tranon' ny zokiny lahimatoa; **19** ary, indro, nisy rivotra mahery avy tany an-efitra ka namely ny zoron-trano efatra, dia nianjera tamin' ny zatovo ny trano, ka maty izy rehetra, ary izaho dia izaho irery ihany no afa-nandositra hilaza aminao. **20** Dia nitsangana Joba ka nandriatra ny lambany, ary nanaratra ny lohany, dia niapoka tamin' ny tany ka niankohoka **21** sady nanao hoe: Nitanjaka no nivoahako avy tany an-kibon' ineny, ary mitanjaka no hiverenako any; Jehovah no nanome, ary Jehovah no nanaisotra; isaorana anie ny anaran' i Jehovah **22** Tamin' izany rehetra izany dia tsy nanota Joba, na nanome tsiny an' Andriamanitra.

2 Ary tamin' ny indray andro koa dia avy ireo zanak' Andriamanitra hiseho teo anatrehan' i Jehovah, ka dia mba tonga teo koa Satana tafaharo taminy hiseho teo anatrehan' i Jehovah. **2** Dia hoy Jehovah tamin' i Satana: Avy taiza ianao? Ary Satana dia namaly an' i Jehovah ka nanao hoe: Avy nizahazaha teny amin' ny tany aho ka nivezivezy teny. **3** Dia hoy Jehovah tamin' i Satana: Efa nandinika an' i Joba mpanompoko va ianao? Fa tsy misy tahaka azy eny ambonin' ny tany, fa olona marina sy mahitsy izy sady matahotra an' Andriamanitra ka mifady ny ratsy? Ary mbola mitana mafy ny fahamarinany ihany izy, na dia nanesika Ahy hamongotra azy foana aza ianao. **4** Ary Satana dia namaly an' i Jehovah ka nanao hoe: Hoditra fefin' ny hoditra, eny, izay rehetra ananan' ny olona dia homeny ho-fefin' ny ainy. **5** Fa ahinjiro ange ny tananao, ka tendreo ny taolany sy ny nofony raha tsy handà Anao eo Imasonao aza Izy e! **6** Dia hoy Jehovah tamin' i Satana: Indro, eo an-tananao izy; ny ainy tokana ihany no aza asiana. **7** Dia nivoaka Satana avy teo anatrehan' i Jehovah ka namely vay ratsy an' i Joba hatramin' ny faladiany ka hatramin' ny tampon-dohany. **8** Dia naka tavim-bilany hihaorany izy, raha nipetraka teo an-davenona. **9** Ary hoy ny vadiny taminy: Mbola mitana ny fahamarinanao ihany va ianao? Mahafoiza an' Andriamanitra ianao, dia aoka ho faty. **10** Fa hoy izy taminy: Tahaka ny tenin' ny anankiray amin' ny vehivavy adala ny teninao. Moa ny soa ihany va no horaisintsika avy amin' Andriamanitra, fa tsy ny ratsy koa? Tamin' izany rehetra izany dia tsy nanota tamin' ny molony Joba. **11** Ary rehefa ren' ny sakaizan' i Joba telo lahy ny fahoriana rehetra izay nanjo azy, dia samy niainga avy tany amin' ny fonenany avy izy dia Elifaza Temanita sy Bildada Sohita ary Zofara Namatita ary nifamotoana izy mba handeha hitsapa alahelo sy hampionona azy. **12** Ary nanopy ny masony teny lavidavitra eny izy telo lahy ka tsy nahafantatra azy, dia nanandratra ny feony izy ka nitomany; ary samy nandriatra ny lambany avy koa izy rehetra, dia nanopy vovoka ho amin' ny lanitra hiraraka amin' ny lohany. **13** Ary niara-nipetraka teo aminy tamin' ny tany hafitoan' andro sy hafitoan' alina izy, nefa tsy nisy niteny taminy na dia indraim-bava akory aza, satria hitany fa mafy loatra ny fahoriany.

3 Rehefa afaka izany, dia niloa-bava Joba ka nanozona ny androny **2** nanao hoe: **3** Foàna anie ny andro nahaterahako sy ny alina izay nanao hoe: Misy zazalahy vao torontoronina! **4** Izany andro izany dia aoka ho maizina,

ary aoka tsy hitady azy Andriamanitra any ambony; ary aoka tsy hisy mazava hamirapiratra aminy; **5** Aoka ny aizina sy ny aloky ny fahafatesana hahalasa azy indray; Aoka ny rahona hitatao eo amboniny; Aoka izay zavatra mahamaizina ny andro hampahatsiravina azy. **6** Izany alina izany aoka ny aizim-pito hisambotra azy; Aoka tsy hiaramifaly amin' ny andron' ny taona izy. Ary tsy ho tonga amin' ny isan' ny volana; **7** Indro izany alina izany aoka ho momba izy; Aoka tsy ho velona ao ny hoby; **8** Aoka hanozona azy ny mpanozona andro, Izay mahay mamoha ny dragona; **9** Aoka ho maizina ny kintan' ny marainany; Aoka hiandry ny mazava izy, nefa tsy hisy, ary aoka tsy ho faly mahita ny hodimason' ny maraina izy, **10** Satria tsy nanidy ny varavaran' ny kibon' ineny izy ka tsy nanafina fahoriana tamin' ny masoko. **11** Nahoana re aho no tsy maty hatrany am-bohoka e, ary tsy niala aina, fony vao nivoaka avy tany an-kibo e? **12** Nahoana no nisy lohalika niandry ahy? Ary nahoana no nisy nono hinonoako? **13** Fa raha tsy izany, dia efa nandry aho toy izay ka niadana, eny, natory aho ka afa-tsasatra, **14** Teo amin' ny mpanjaka sy ny mpanolo-tsaina avy amin' ny tany, izay nanao ireny tanàna efa rava, **15** Na teo amin' ny andriandahy izay manana volamena sady mameno volafotsy ny tranony; **16** Na efa tsy ary toy ny zaza tsy tonga volana aho ka nafenina, dia toy ny zaza izay tsy nahita ny mazava akory. **17** Any no itsaharan' ny ratsy fanahy tsy hampitebiteby, ary any ny reraka no afa-tsasatra; **18** Miara-miadana avokoa ny mpifatotra; Tsy mandre ny feon' ny mpampiasa izy. **19** Samy any ny kely sy ny lehibe, Ary ny mpanompo dia afaka amin' ny tompony. **20** Nahoana no fahazavana no mba omena ny reraka, ary fiainana ho an' izay latsaka amin' ny fangidiana? **21** Izay miandry fahafatesana, nefa tsy avy izy, sady mitady azy mihoatra noho ny fitady harena nafenina: **22** Izay faly indrindra sady ravoravo, raha mahita ny fasana, **23** Dia olona izay mandeha ao amin' ny maizina sady voafefin' Andriamanitra manodidina. **24** Fa mialoha ny haninkaniko ny fitolokoko, ary migororoana toy ny rano ny fidradradradrako; **25** Fa Izay atahorako no mahazo ahy, ary izay angovitako no manjo ahy. **26** Tsy mbola nahita fiadanana na fitsaharana na fakàna aina akory aza aho, dia tonga indray ny tebiteby.

4 Dia namaly Elifaza Temanita ka nanao hoe: **2** Raha misy sahy miteny aminao, dia ho sosotra va ianao? Fa raha ny mamehy vava kosa, iza moa no mahazaka izany? **3** Indro, efa nananatra ny maro ianao. Ary ny tanana miraviravy efa nampaherezinao; **4** Ny teninao efa nanohana izay efa saiky lavo, ary ny lohalika malemy efa nampahatanjahinao **5** Nefa ankehitriny mba manjo anao kosa izany, ka dia kivy ianao, Mihatra aminao izany, ka raiki-tahotra ianao **6** Tsy ny fivavahanao va no tokinao? Ary tsy fanantenanao va ny fahitsian' ny lalanao? **7** Masìna ianao, tsarovy fa iza moa no very tsy nanan-tsiny? Ary taiza no nisy olo-mahitsy naringana? **8** Araka izay efa hitako, dia izay miasa heloka sy mamafy fahoriana no mijinja izany. **9** Ny fofonain' Andriamanitra no andringanana azy. Eny, ny fofonain' ny fahatezerany no mahalevona azy. **10** Ny feon' ny olona, eny, ny feon' ny liona masiaka, ary ny nifin' ny liona tanora dia ombotana; **11** Mirenireny ny lion-dahy noho ny tsi-fahitany remby, ary miely ny zanaky ny liombavy. **12** Nisy teny tonga tamiko mangingina, ary ny sofiko nahare siosio avy taminy, **13** Tamin' ny eritreritra avy amin' ny tsindrimandry alina, raha sondrian-tory ny olona, **14** Dia azon-tahotra sy hovotra aho, ka nampihorohoro ny taolako rehetra izany. **15** Ary nisy fanahy nandalo teo anatrehako ka nampitsangam-bolo ny tenako. **16** Nijanona izy, nefa tsy nahafantatra ny tarehiny aho; Nisy endri-javatra teo anoloan' ny masoko; Nisy fanginana, dia nandre feo aho nanao hoe: **17** Ho marina noho Andriamanitra va ny zanak' olombelona? Ho madio noho ny Mpanao azy va ny olona? **18** Indro, tsy matoky ireo mpanompony aza Izy, eny, ny anjeliny aza ataony ho tsy tonga ohatra. **19** Koa mainka izay mitoetra ao an-trano tany, sady avy tamin' ny vovoka no nihaviany, ary mora poritra noho ny kalalao izy; **20** Indray andro monja dia montsana izy; Tsy misy misaina azy, na dia levona mandrakizay aza izy. **21** Tsy voaongotra va ny kofehin-dainy ao aminy? Maty izy, nefa tsy mbola nanam-pahendrena.

5 Miantsoa ange! moa misy hamaly anao va? Ary iza amin' ireo masìna no hotodihinao? **2** Fa ny adala dia vonoin' ny fahasosorana, ary ny kely saina dia matin' ny fialonana. **3** Izaho nahita olona adala mamaka, nefa vetivety Indray dia tsy maintsy nanozona ny fonenany aho; **4** Lavitra ny famonjena ny zanany Ka torotoro eo am-bavahady, nefa tsy manan-kamonjy; **5** Ny vokatry ny taniny dia lanin' ny noana, eny, alainy na dia voafefy tsilo aza; ary ny fandrika mitanatana vava hahazo ny fananany **6** Fa tsy mivoaka avy amin' ny vovoka ny alahelo, ary tsy mitrebona avy amin' ny tany ny fahoriana, **7** Nefa teraka ho amin' ny fahoriana ny olombelona, dia tahaka ny fanidin' ny kilalaon' afo miakatra **8** Fa raha toa ahy kosa dia hitady an' Andriamanitra aho, ary Andriamanitra ihany no hotolorako ny teniko, **9** Dia Izay manao zava-dehibe tsy takatry ny saina sy zava-mahagaga tsy hita isa, **10** Dia Izay mampilatsaka ranonorana etỳ ambonin' ny tany ary mampandeha rano eny amin' ny saha, **11** Ka apetrany amin' ny avo Izay ambany, ary asandrany ho amin' ny fahafinaretana ny miory, **12** Dia Izay mahafoana ny hevitry ny fetsy, ka tsy hahefan' ny tànany na inona na inona hahasoa ny tenany; **13** Ny fahafetsen' ny hendry ihany no entiny misambotra azy, ary ny saina ataon' ny mpiolakolaka dia rava; **14** Na dia amin' ny antoandro aza dia tafatsarapaka ao amin' ny maizina ireny ka miraparapa amin' ny mitataovovonana tahaka ny amin' ny alina; **15** Fa vonjeny kosa ny malahelo tsy ho voan' ny sabatry ny vavany; Eny, vonjeny tsy ho azon' ny tanan' ny mahery izy. **16** Dia misy fanantenana ho an' ny reraka; fa ny faharatsiana kosa mihombom-bava **17** Indro, sambatra ny zanak' olombelona izay anarin' Andriamanitra, koa aza atao ho zavatra kely ny famaizan' ny Tsitoha; **18** Fa sady mandratra Izy no mamehy; Manorotoro Izy, ary ny tànany ihany no manasitrana. **19** Amin' ny fahoriana enina dia hamonjy anao Izy; Eny, amin' ny fito aza dia tsy hisy loza hihatra aminao. **20** Raha avy ny mosary, dia hiaro anao

amin' ny fahafatesana Izy; Ary raha avy ny ady, dia hiaro anao tsy ho voan' ny sabatra Izy; **21** Hampiereny tsy ho voan' ny kapo-bava ianao, ary tsy hatahotra, raha avy ny fandringanana; **22** Ny fandringanana sy ny mosary dia hihomehezanao; ary tsy hatahoranao ny bibi-dia; **23** Fa vita fanekena amin' ny vato any an-tsaha aza ianao; Ary ny bibi-dia hihavana aminao; **24** Ary ho hitanao fa ny fiadanana no lainao; Ary raha mizaha ny kijanao ianao, dia ho hitanao fa tsy misy very ny ao; **25** Ary ho hitanao koa fa maro ny zanakao, ary ny terakao ho tahaka ny ahitra amin' ny tany; **26** Haharitra ianao ambara-piditrao any am-pasana, raha mbola henjana, dia tahaka ny amboaram-bary akarina amin' ny fotoana. **27** Izany ary no izy, fa efa nandinika azy izahay; Hevero ary izany, ka fantaro tsara.

6 Dia namaly Joba ka nanao hoe: **2** Enga anie ka holanjaina tokoa ny fahasosorako, ka hampifandaniaina amin' ny mizana izy sy ny fahoriako! **3** Fa ankehitriny mavesatra noho ny fasika any an-dranomasina ny fahoriako, koa dia nirediredy aho. **4** Fa ny zana-tsipiky ny Tsitoha mitsatoka amiko, ka mifoka ny poizina avy aminy ny fanahiko; Ary ny fampitahorana Andriamanitra milahatra hamely ahy. **5** Maneno va ny boriki-dia, raha eo amin' ny vilona? Na mimàmà va ny omby, raha eo amin' ny fihinany? **6** Azo hanina va ny matsatso, raha tsy asian-tsira? Na mba misy tsirony va ny tafotsin' atody? **7** Ny zavatra izay nolaviko tsy hotendrena, dia ireny no tsy maintsy haniko, na dia maharikoriko ahy aza. **8** Enga anie ka ho azoko izay angatahiko, ary homen' Andriamanitra ahy anie izay iriko! **9** Ka ho sitrak' Andriamanitra anie ny hanorotoro ahy! Eny, halefany anie ny tànany ka hahamaito ny aiko, **10** Dia hahita fiononana amin' izany aho ka hiravoravo na dia amin' ny fangirifiriana tsy mifaditrovana aza, satria tsy nandà ny tenin' ny Iray Masìna aho. **11** Inona moa ny heriko, no hanantena aho? Ary hanao ahoana moa ny farako, no hanindry fo aho? **12** Herim-bato va ny heriko? Na varahina va ny nofoko? **13** Tsy efa foana va ny hery ho entiko mamonjy tena, ary tsy efa nakifika hiala amiko va ny faharetana? **14** Izay efa mivarahontsana dia tokony hiantran' ny sakaizany. Fandrao mahafoy ny fahatahorana ny Tsitoha izy. **15** Ny rahalahiko mampihambo manana ahy tahaka ny ranotrambo, dia tahaka ny mason-drano any an-dohasahan-driaka, izay malaky ritra, **16** Izay mainty azon' ny ranomandry Sady iafenan' ny oram-panala; **17** Fa raha taninin' ny hainandro izy, dia levona; raha maina ny andro, dia ritra eo amin' ny fitoerany izy; **18** Mivilivily no fandehany tankina izy ka levona. **19** Ny antokon' i Tema mitazana, ny andian' i Sheba manantena azy; **20** Very hevitra ireo, satria samy nanampo; tonga teo izy, kanjo nangaihay. **21** Fa ankehitriny efa tsinontsinona ianareo; Nahita ny fahoriana ianareo ka raiki-tahotra. **22** Moa aho va efa nanao hoe: Omeo aho, ka mahafoiza zavatra ho ahy amin' ny fananananareo, **23** Ary vonjeo amin' ny tanan' ny fahavalo aho, ka afaho amin' ny tanan' ny mpitohatoha? **24** Mampianara ahy, dia hangina aho; Ary ampahafantaro izay nahadisoako aho. **25** Endrey ny herin' ny teny marina! Fa mba mahavoa inona kosa moa ny anatra ataonareo? **26** Ny amin' ny teniko ihany va no ananaranareo ahy? Fa ho amin' ny rivotra ny tenin' ny olona mamoy fo. **27** Eny, fa na dia ny kamboty aza dia ataonareo loka, ary ny sakaizanareo dia ataonareo varotra. **28** Fa ankehitriny, masìna ianareo, mba atreho kely aho, dia ho hitanareo fa tsy handainga tsy akory aho. **29** Masìna ianareo, diniho indray aho, ary aoka tsy hisy fitsarana tsy marina; eny, diniho indray aho, fa mbola ao ihany ny fahamarinako. **30** Moa misy heloka va eo amin' ny lelako?

7 Tsy mahafantatra izay ratsy va ny vavako? Tsy mpiantafika va ny zanak' olombelona etỳ ambonin' ny tany? Ary tsy tahaka ny andron' ny mpikarama va ny androny? **2** Toy ny mpanompo maniry alokaloka, ary toy ny mpikarama miandry ny karaman' ny asany, **3** Dia toy izany no anaovana ahy hahita volana mampahory, ary alina mahadisadisa no tendrena ho ahy. **4** Raha vao mandry aho, dia mieritreritra hoe: Rahoviana re no hifoha aho? Fa mihalava izany ny alina, ary mivadibadika indrindra aho mandra-pahazavan' ny andro. **5** Ny nofoko mitafy olitra sy baingan-tany; efa maina ny hoditro, kanjo mitsiranorano indray. **6** Faingana noho ny famahanan-tenona ny androko ka lany tsy misy fanantenana. **7** Tsarovy fa rivotra ny aiko: ary tsy hahita soa intsony ny masoko. **8** Tsy hahita ahy intsony ny mason' izay mijery ahy: Ny masonao hizaha ahy, fa tsy ho ao aho. **9** Tahaka ny rahona misava ka levona, dia tahaka izany koa, izay midìna any amin' ny fiainan-tsi-hita tsy mba hiakatra intsony; **(Sheol h7585)** **10** Tsy hiverina any an-tranony intsony izy. Ary tsy hahalala azy intsony ny fonenany. **11** Ary izaho dia tsy hamehy vava, Fa hiteny noho ny fahorian' ny fanahiko sy hitaraina noho ny fangidian' ny aiko. **12** Ranomasina va aho, na trozona, No dia asianao fiambenana? **13** Raha hoy izaho: Hampionona ahy ny farafarako, hampitony ny fitarainako ny fandriako. **14** Dia mampitahotra ahy amin' ny nofy Hianao ary mampihorohoro ahy amin' ny tsindrimandry; **15** Ka dia aleon' ny fanahiko ny hokendaina, eny, aleoko ny fahafatesana aza toy izay izato fitofezako izato; **16** Maharikoriko ahy izao, tsy tiako ny ho velona ela; Ilaozy miala aho, fa fofona foana ny androko. **17** Inona moa ny zanak' olombelona, no ekenao ho lehibe, ka ampandinihinao azy ny fonao, **18** Sady fantarinao isa-maraina izy; sy izahanao toetra isaky ny indray mipi-maso? **19** Mandra-pahoviana re vao hihodina tsy hijery ahy Hianao, ka mba hiala amiko mandra-piteliko rora? **20** Na dia ho nanota aza aho, nampaninona Anao moa izany, ry Mpandinika ny olombelona? Nahoana no dia nataonao fikendry aho, ka efa tonga enta-mavesatra amiko aho? **21** Ary nahoana no tsy mamela ny fahadisoako sy manaisotra ny heloko Hianao? Fa izao dia efa handry any amin' ny vovoka aho; ary hitady ahy fatratra Hianao, fa tsy ho atỳ intsony aho.

8 Dia namaly Bildada Sohita ka nanao hoe: **2** Mandra-pahoviana no hiteny toy izany ianao, ka ho rivotra mahery ny teny aloaky ny vavanao? **3** Andriamanitra va hamadika ny fitsarana, na ny Tsitoha hamadika ny rariny? **4** Raha nanota taminy ny zanakao, dia efa nampanodiaviny azy ny fahadisoany. **5** Fa raha ianao kosa mandroso mitady

an' Andriamanitra ka mifona amin' ny Tsitoha. **6** Ary raha madio sy mahitsy ianao, dia hifoha hamonjy anao tokoa Izy ary hampiadana indray ny fonenan' ny fahamarinanao, **7** Ka na dia kely aza no niandohanao, dia ho lehibe indrindra no hiafaranao. **8** Fa masìna ianao, anontanio ange ny ntaolo, ka fantaro ny hevitra hitan' ny razany **9** (Fa vao omaly isika ka tsy mba mahalala, fa aloka ihany ny androntsika etỳ ambonin' ny tany); **10** Tsy ireny va no hampianatra anao ka hilaza aminao ary hamoaka teny avy ao am-pony? **11** Haniry va ny zozoro, raha tsy eny amin' ny fotaka? Hitrebona va ny harefo, raha tsy misy rano? **12** Mbola maitso izy sady tsy voajinja, kanefa malazo alohan' ny zava-maitso rehetra. **13** Toy izany no lalan' izay rehetra manadino an' Andriamanitra; Ary ho very ny fanantenan' ny mpihatsaravelatsihy, **14** Fa ho maito ny fanantenany, eny, ho tranon-kala ny tokiny. **15** Miankina amin' ny tranony izy, kanjo tsy maharitra iny; Mihazona azy mafy izy, kanjo tsy mahazaka azy iny. **16** Mitsimoka tsara tandrifin' ny masoandro izy, ary ny rantsany misandrahaka eo amin' ny tanimboliny; **17** Mifelipelika mifaniditra eo amin' ny korontam-bato ny fakany ary mahazo any anelanelany; **18** Kanjo nony fongorany hiala amin' ny fitoerany izy, dia handà azy izany ka hanao hoe: Tsy mbola nahita anao akory aho. **19** Indro, izany ihany no fifalian' ny lalan-kalehany; ary hisy hafa indray mitrebona avy amin' ny vovoka. **20** Indro, Andriamanitra tsy hanary ny olona tsy manan-tsiny ary tsy hitantana ny mpanao ratsy; **21** Mbola hofenoiny hehy ny vavanao sy hoby ny molotrao. **22** Izay mankahala anao hitafy henatra; Ary tsy hisy intsony ny lain' ny ratsy fanahy.

9 Dia namaly Joba ka nanao hoe: **2** Fantatro tokoa fa izany no izy; Fa aiza no hahamarina ny zanak' olombelona eo anatrehan' Andriamanitra? **3** Raha tehifandahatra aminy izy, dia tsy mahavaly teny Azy na dia iray amin' ny arivo aza. **4** Hendry am-po Izy sady matanjaka amin' ny hery; iza no nikiry nanohitra Azy ka tsy naninona? **5** Izay mamindra tendrombohitra, nefa ireny tsy mahalala akory, izay mamadika azy amin' ny fahatezerany, **6** Ary mampihorohoro ny tany ho afaka amin' ny fitoerany, ka mihozongozona ny andriny; **7** Mandidy ny masoandro Izy, ka tsy miposaka iny, ary manisy tombo-kase manafina ny kintana; **8** Sady Izy irery ihany no mamelatra ny lanitra sy mandia ny onjan-dranomasina; **9** Manao ireo kintana lehibe Izy, dia ny Bera sy ny Telonohorefy ary ny Ikotokelimiadilaona sy ireo kintana maro any atsimo, **10** Ary manao zava-dehibe tsy takatry ny saina, eny, fahagagana tsy hita isa. **11** Indro, mandalo ahy Izy, nefa tsy hitako; Ary mihelina Izy, nefa tsy fantatro. **12** Indro, mipaoka Izy, ka iza no mahasakana Azy? Iza no hanao aminy hoe: Inona no ataonao? **13** Andriamanitra tsy mampitony ny fahatezerany; Ny mpanampy an-dRahaba aza dia mitanondrika eo ambaniny. **14** Mainka fa izaho tsy mahavaly Azy, na mahafidy teny hifandaharako aminy; **15** Fa na dia marina aza aho, dia tsy hahavaly tsy akory; Hifona amin' Ilay manana ady amiko no hany heriko. **16** Raha mba niantso aho, ka namaly ahy aza Izy, dia tsy ho nino aho fa hanaiky ny fitarainako Izy. **17** Fa manorotoro ahy amin' ny tafio-drivotra Izy ka manamaro ny feriko tsy ahoantsy ahoana. **18** Sady tsy avelany haka aina akory aho, fa vokisany zava-mangidy. **19** Raha ny amin' ny herin' ny mahery, dia: Indro ary! Ary ny amin' ny fitsarana: Iza no hifandahatra amiko? **20** Na dia marina aza aho, dia hanameloka ahy ihany ny vavako; Ary na dia tsy manantsiny aza aho, dia hanao ahy ho meloka Izy. **21** Marina aho, ataoko tsinontsinona ny aiko; Tsy ahoako izay ho velona. **22** Tsy misy hafa aminy, ka izany no nanaovako hoe: Ny marina sy ny meloka dia samy aringany avokoa. **23** Raha misy loza mahafaty tampoka, dia mihomehy ny fizahantoetra ny marina Izy. **24** Ny tany efa voatolotra ho eo antànan' ny ratsy fanahy; Manarona ny tavan' ny mpitsara eo Izy; Raha tsy Izy no manao izany, dia iza, kosa ary? **25** Ny androko dia faingana noho ny tsimandoa; Lasa ireny ka tsy nahita soa akory. **26** Mihelina tahaka ny lakana faingampandeha izy, tahaka ny voromahery mipaoka hanina. **27** Raha hoy izaho: Hanadino ny alaheloko aho, hitsahatra tsy hanjonitra aho ka ho miramirana, **28** Dia mahatsiravina ahy ny fahoriako rehetra; Fantatro fa tsy hataonao ho tsy manan-tsiny aho. **29** Tsy maintsy hatao ho meloka ihany aho, koa nahoana aho no hanasa-tena foana? **30** Na dia mandro amin' ny oram-panala aza aho ka manadio ny tanako amin' ny ranon-davenona, **31** Dia hanitrika ahy any am-pahitra miaraka amin' izay Hianao, ka hataon' ny fitafiako ho zava-betaveta aho. **32** Fa tsy olona tahaka ahy Izy ka ho azoko valiana hifanatrehanay amin' ny fitsarana. **33** Tsy misy mpanelanelana anay Hametraka ny tànany aminay roa tonta. **34** Aoka hanaisotra ny tsorakazony amiko Izy, ary aoka tsy hampahatsiravina ahy ny fampitahorany, **35** Dia hiteny aho ka tsy hatahotra Azy; Fa fantatro fa tsy hatahotra foana aho.

10 Maharikoriko ahy ny aiko; Hamoaka ny fitarainako aho sy hiteny noho ny fangidian' ny fanahiko **2** Hanao amin' Andriamanitra hoe aho: Aza manameloka ahy; Mba ampahalalao izay anton' ny iadianao amiko aho. **3** Mahafaly Anao va ny hampahory sy hanary ny efa nisasaranao ka hamirapiratra amin' ny fisainan' ny ratsy fanahy? **4** Manana maso nofo va Hianao? Na mijery tahaka ny fijerin' ny zanak' olombelona? **5** Tahaka ny andron' ny zanak' olombelona va ny andronao? Na tahaka ny taonan' ny olombelona ny taonanao, **6** No dia mikaroka izay heloko Hianao sy mikatsaka izay fahotako, **7** Na dia fantatrao aza fa tsy mba ratsy fanahy aho, ary tsy misy mahavonjy amin' ny tananao? **8** Ny tananao ihany no namorona ahy ka nanisy endrika izao tenako rehetra izao, kanjo levoninao indray aho izao. **9** Masìna Hianao, tsarovy fa notefenao toy ny tanimanga aho, ka hamerina ahy amin' ny vovoka indray Hianao! **10** Tsy naidinao toy ny ronono va aho ka nampandrinao toy ny ronono-mandry? **11** Eny, notafianao hoditra sy nofo aho ary norarinao tamin' ny taolana sy ny ozatra. **12** Aina sy famindram-po no nomenao ahy; Ary ny fiahianao no niaro ny aiko. **13** Saingy izao no nafeninao tao am-ponao, eny, fantatro fa tao aminao izao: **14** Raha manota aho, dia mamantatra ahy Hianao ka tsy manafaka ahy amin' ny heloko. **15** Raha meloka aho, dia lozako!

Ary na dia marina aza aho, dia tsy ho sahy miandrandra, satria feno henatra sady mahatsiaro fahoriana aho. **16** Fa raha sahy miandrandra aho, dia hihaza ahy tahaka ny liona masiaka Hianao; Ary hiverina indray Hianao, ka ho mahagaga ny famelinao ahy. **17** Mbola hanangana vavolombelona vaovao mandrakariva hanameloka ahy Hianao sy hampitombo ny fahatezeranao amiko; Fahavalo mifanontona no mamely ahy. **18** Ka nahoana no namoaka ahy foana avy tany am-bohoka Hianao? Fa raha tsy izany, dia ho niala aina aho, ka tsy mba nisy maso nahita ahy akory. **19** Ary efa toy ny tsy ary aho. Ka nentina avy tany an-kibo ho any am-pasana. **20** Tsy vitsy va ny androko? Koa mitsahara Hianao, mihataha mba hakako aina kely, **21** Dieny tsy mbola lasa tsy hiverina aho, dia ho any amin' ny tanin' ny aizina sy ny aloky ny fahafatesana, **22** Ho any amin' ny tany maizim-pito, dia ny an' ny aloky ny fahafatesana sy ny fikorontanana, sady maizim-pito ny famirapiratana any.

11 Dia namaly Zofara Namatita ka nanao hoe: **2** Moa tsy hovaliana va ny teny be toy izany? Ary moa raha maro vava, dia ho marina va? **3** Ny bedibedinao va no hampangina ny olona? Ka dia haniratsira ianao, ka tsy hisy handresy lahatra, **4** Ary dia hiteny hoe: Madio ny teny nalahatro, ary tsy nanan-tsiny teo imasonao aho. **5** Enga anie ka hiteny Andriamanitra ka hiloa-bava hamaly anao! **6** Dia hasehony aminao ny fahendrena miafina, fa tsy hita lany izany, ka dia ho fantatrao fa tsy dia novalian' Andriamanitra avokoa ny helokao. **7** Takatry ny sainao va ny fomban' Andriamanitra? Ary tanteraka va ny fahitanao ny Tsitoha **8** Avo tahaka ny lanitra izany! ka inona no hainao atao? Lalina noho ny fiainan-tsi-hita! ka inona no fantatrao? **(Sheol h7585)** **9** Lava noho ny tany ny ohany ary lehibe noho ny ranomasina. **10** Raha mandroso Izy ka misambotra ary manao fitsarana, dia iza moa no mahasakana Azy? **11** Fa Izy mahafantatra ny olon-dratsy; Ary hitany ny heloka, na dia tsy mandinika akory aza Izy. **12** Koa na dia ny olom-poana aza dia hahazo fahendrena, ary na dia ny zanaky ny boriki-dia aza dia hateraka ho olombelona. **13** Raha ampanatrehinao Azy ny fonao, ary atantinao aminy ny tananao, **14** Ka misy heloka eo an-tananao, dia ario lavitra izany, ary aza avela hisy ratsy hitoetra ao andainao; **15** Dia hahazo hanandratra ny tavanao tsy misy tsiny ianao, koa hijoro tsara ary tsy hatahotra; **16** Fa ho hadinonao ny fahorianao: Toy ny rano efa nandalo no hahatsiarovanao azy. **17** Ary hamirapiratra lavitra noho ny mitataovovonana ny andronao; na dia sendra manjombona aza, dia ho tonga tahaka ny maraina. **18** Hatoky ianao, satria misy fanantenana; eny, hijery manodidina ianao ka handry tsy amin' ahiahy. **19** Dia ho tafandry ianao, fa tsy hisy hanaitaitra; Ary maro no hila sitraka aminao. **20** Fa ny mason' ny ratsy fanahy kosa ho pahina, ka ho very avokoa ny fiarovana azy, ary ny fialàna aina ihany no hany sisa azony antenaina.

12 Dia namaly Joba ka nanao hoe: **2** Marina ary fa ianareo ihany tokoa olombelona! Ary hiara-maty aminareo ny fahendrena! **3** Kanefa izaho mba manan-tsaina tahaka anareo ihany koa; Tsy latsaka noho ianareo aho; Fa iza moa no tsy nahalala izay zavatra toy izany? **4** Tonga fihomehezan' ny sakaizako aho. Dia izaho izay niantso an' Andriamanitra ka novaliany; Eny, tonga fihomehezana ny olona marina tsy manan-tsiny. **5** Endrehin-datsa ny ozoim-pahoriana, raha araka ny hevitry ny miadana, eny, vonona ho amin' izay ela mangozohozo ny latsa. **6** Mandry fahizay ny lain' ny mpitohatoha, Ary mitoetra tsy manahy izay sahy mampahatezitra an' Andriamanitra, dia izay mitondra ny herin' ny tànany ho andriamaniny **7** Kanefa anontanio ange ny biby, fa hampianatra anao izy, ary ny voro-manidina, fa hanambara aminao izy; **8** Ary makà saina amin' ny tany, dia hampianatra anao izy. Ary ny hazandrano any an-dranomasina hampahalala anao. **9** Iza no tsy mahalala, raha mandinika ireny rehetra ireny, fa ny nanao izany dia ny tanan' i Jehovah, **10** Izay mitana ny ain' ny zava-manan' aina rehetra sy ny fofonain' ny olombelona rehetra? **11** Moa tsy ny sofina va no mamantatra ny teny? Ary tsy ny vava va no manandrana ny hanina? **12** Ao amin' ny fotsy volo ny fahendrena, ary ny fahela-velona no ahazoam-pahalalana. **13** Ao amin' Andriamanitra kosa no misy fahendrena sy hery; Izy no manana hevitra sy fahalalana. **14** Indro, mandrava Izy, ka tsy hatsangana intsony; Manidy ny olona Izy, ka tsy hovohana. **15** Indro, manampina ny rano Izy, ka dia ritra iny; Ary alefany indray ka mahasimba ny tany. **16** Izy no manana hery sy tena fahendrena; Samy eo an-tanany avokoa ny voafitaka sy ny mpamitaka. **17** Alany voninahitra ny mpanolo-tsaina, dia entiny. Ary asehony ny fahadalan' ny mpitsara. **18** Vahany ny fifehezan' ny mpanjaka, ka feheziny mahazaka ny valahany. **19** Alàny voninahitra ny mpisorona, dia entiny, ary ny mafy orina ela dia ravany. **20** Koroiny ny laha-tenin' ny mahay, ary ny fahazavan-tsain' ny anti-panahy dia esoriny. **21** Mandatsaka fanamavoana amin' ny andriandahy Izy, ary ketrahiny ny fehin-kibon' ny matanjaka. **22** Manala rakotra izay lalina Izy mba tsy ho maizina ary mitondra ny aloky ny fahafatesana ho eo amin' ny mazava. **23** Mahalehibe ny firenena Izy, nefa mandringana azy koa, mampihahaka ny firenena Izy, nefa mitondra azy hody indray. **24** Mahavery saina ny loholona amin' ny tany Izy ary mampirenireny azy any an-efitra tsy misy lalana; **25** Mitsapatsapa amin' ny maizina tsy misy mavaza ireo; ary mampivembena azy tahaka ny olona mamo Izy.

13 Indro, izany rehetra izany efa hitan' ny masoko, ary efa ren' ny sofiko ka fantany. **2** Izay fantatrareo dia mba fantatro koa; Tsy latsaka noho ianareo aho tsy akory. **3** Kanefa raha izaho, dia ny Tsitoha no tiako hitenenana, ary Andriamanitra no iriko handaharan-teny. **4** Fa ianareo kosa dia mpamoron-dainga; Dokotera tsy mahomby ianareo rehetra, **5** Enga anie ka hangina mihitsy ianareo, dia ho fahendrenareo izany! **6** Masìna ianareo, henoy ny anatro, ary tandremo izay alahatry ny molotro. **7** Hanao teny tsy marina ho enti-manamarina an' Andriamanitra va ianareo? Hiteny fitaka ho Azy va ianareo? **8** Hiangatra ho Azy va ianareo? Handaha-teny ho an' Andriamanitra va ianareo **9** Ho tsara aminareo va, raha mandinika anareo Izy? Na ho

azonareo fitahina hoatra ny famitaka zanak' olombelona va Izy? **10** Hanameloka anareo mihitsy Izy, Raha miangatra mangingina ianareo. **11** Tsy hampahatahotra anareo va ny fahalehibiazany? Ary tsy hitsatoka aminareo va ny fahatahorana avy aminy? **12** Ireo teny tononinareo ireo dia ohabolana lavenona foana, ary manda fotaka ihany ny mandanareo. **13** Mangìna, ka mialà amiko ianareo, mba hitenenako; Fa aoka hanjo ahy ihany izay hanjo ahy. **14** Nahoana no hitondra ny nofoko amin' ny nifiko aho? Tsia, fa manao ny aiko tsy ho zavatra aho. **15** Na dia hamono ahy aza Izy, mbola hanantena Azy ihany aho; Kanefa hanamarina ny lalako eo anatrehany aho. **16** Ary izao no ho famonjena ahy: Ny mpihatsaravelatsihy tsy sahy mankeo anatrehany. **17** Mihainoa dia mihainoa ny teniko, ary aoka ho ren' ny sofinareo ny filazàko. **18** Indro, fa efa voatoriko ny adiko; Fantatro fa hanan-drariny aho. **19** Iza no hahazo hifandahatra amiko? Fa raha izany, dia hangina aho ka hiala aina. **20** Izao zavatra roa loha izao ihany no aza mba atao amiko, dia tsy hiery Anao aho; **21** Esory hanalavitra ahy ny tananao, ary aoka tsy hampahatsiravina ahy fampitahoranao. **22** Dia miantsoa, fa izaho hamaly; Na aoka hiteny aho, ka valio aho. **23** Firy ary ny heloko sy ny fahotako? Mba ampahalalao izay fiodinako sy fahotako aho. **24** Nahoana no manafina ny tavanao Hianao, ka manao ahy ho fahavalonao? **25** Moa izay ravin-kazo indaosin' ny rivotra avy va no ampitahorinao? Ary izay vodivary maina avy va no enjehinao? **26** Fa zava-mangidy no tendrenao hamely ahy, ka ampanodiavinao ahy, ny heloky ny fahatanorako; **27** Dia mampiditra ny tongotro eo amin' ny boloky hazo Hianao ary mitsikilo ny diako rehetra; Ny hodiavin' ny tongotro dia feranao. **28** Dia izaho ity izay mihalevona tahaka ny zavatra hanin' ny fositra, eny, tahaka ny fitafiana lanin' ny kalalao.

14 Ny olona tera-behivavy dia vitsy andro sady vontompahoriana. **2** Mitsimoka tahaka ny voninkazo izy ka jinjana, ary mihelina tahaka ny aloka izy ka tsy mitoetra. **3** kanefa amin' izay toy izany foana no ampihiratanao ny masonao? ka dia izay izaho avy no entinao hifandahatra aminao amin' ny fitsarana! **4** Aiza no misy madio ateraky ny tsy madio? Tsy misy na dia iray akory aza. **5** Raha voafetra ny androny, ary voatendrinao ny isan' ny volana iainany, ary asianao fefy tsy azony ihoarana, **6** Dia mihodìna tsy hanatrika azy Hianao, mba hitsaharany, ka hifaliany amin' ny androny toy ny mpikarama. **7** Fa azo antenaina ny hazo, satria na dia kapaina aza izy, dia mbola hitsimoka indray, ka tsy maintsy hisy ny solofony; **8** Na dia efa tonga antitra ao amin' ny tany aza ny fakany, ary maty ao amin' ny vovoka ny fotony, **9** Raha mahare ny fofon-drano izy, dia hitsimoka indray. Ka handrahaka tahaka ny hazo tanora nambolena. **10** Fa ny olona kosa maty ka miampatra; Eny, miala aina ny olona, ary aiza izy? **11** Ny rano miala eo amin' ny kamory, ary ny ony mihena ka ritra, **12** Ary toy izany koa ny olona; mandry izy ka tsy hitsangana intsony; Eny, mandra-paha-tsy hisian' ny lanitra dia tsy hahatsiaro izy na hofohazina amin' ny torimasony. **13** Enga anie ka hanafina ahy any amin' ny fiainan-tsi-hita Hianao Ka hampiery ahy mandra-pahafaky ny fahatezeranao! Ary hanendry fetr' andro ho ahy, dia hahatsiaro ahy **(Sheol h7585)** **14** Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy? Raha izany, dia hiandry mandritra ny andro fanafihako aho, mandrapahatongan' ny fahafahako. **15** Dia hiantso Hianao, ary izaho hamaly Anao; ary mba halahelo ny asan' ny tananao Hianao. **16** Fa ankehitriny manisa ny diako Hianao; Tsy mitsikilo ny fahotako va Hianao? **17** Efa voaisy tombokase ny kitapo misy ny fahadisoako; Ary voazaitranao ny heloko. **18** Kanefa na dia ny tendrombohitra aza, raha mianjera, dia mihalevona; Ary ny vatolampy dia afindra hiala amin' ny fitoerany; **19** Lanin' ny rano ny vato; ary indaosin' ny riaka ny vovo-tany: Toy izany no fanimbanao ny fanantenan' ny zanak' olombelona. **20** Mandresy azy ho mandrakizay Hianao, ka lasa izy; Manova ny tarehiny Hianao ka mampandeha azy. **21** Omem-boninahitra ny zanany nefa tsy fantany; Ary mietry ireo, nefa tsy hitany. **22** Ny mihatra amin' ny tenany ihany no mampanaintaina azy, ary ny mihatra amin' ny tenany ihany no mampalahelo ny fanahiny.

15 Dia namaly Elifaza Temanita ka nanao hoe: **2** Tokony handahatra hevi-dravina va ny olon-kendry, ka hameno ny kibony amin' ny rivotra avy any atsinanana va, **3** Ary hamaly amin' ny teny tsy mahasoa sy ny teny tsy mahatsara? **4** Eny, foananao ny fahatahorana an' Andriamanitra, ary tampenanao ny fivavahana eo anatrehany; **5** Fa ny helokao no manesika ny vavanao, ary mianatra ny lelan' ny fetsy ianao. **6** Ny vavanao ihany no manameloka anao, fa tsy izaho; Ary ny molotrao ihany no mamely anao. **7** Hianao va no voalohany izay nateraka ho olombelona? Na naloaky ny kibo talohan' ny tendrombohitra va ianao? **8** Isan' ny mpihevitra teo amin' Andriamanitra va ianao, ka voarombakao ho anao irery ny fahendrena? **9** Inona no fantatrao, ka tsy mba fantatray koa, na saina azonao, ka tsy ato aminay koa? **10** Ny anti-panahy sy ny fotsy volo dia misy ato aminay, eny, olona ela niainana noho ny rainao aza. **11** Ataonao ho tsinontsinona va ny fampiononana avy amin' Andriamanitra sy ny teny natao aminao amin' ny fahalemem-panahy? **12** Nahoana no dia entin' ny fonao ianao? Ary nahoana no mipipy foana ny masonao, **13** Ka miefonefona amin' Andriamanitra ianao, sady miteniteny foana ny vavanao? **14** Inona ny zanak' olombelona no mba hadio izy? Ary izay tera-behivavy no mba ho marina? **15** Indro, ireo anjeliny aza tsy mahatoky Azy, ary ny lanitra aza tsy madio eo imasony; **16** Koa mainka fa izay vetaveta sy tena ratsy, dia ny olona izay misotro heloka toa rano! **17** Hanambara aminao aho, ka mihainoa ahy fa izay efa hitako no holazaiko, **18** Dia zavatra notorin' ny olon-kendry, fa tsy nafeniny, dia izay azony avy tamin' ny razany; **19** Ireny ihany no nomena ny tany, ary tsy nisy olona hafa firenena nisisika teo aminy. **20** Ny ratsy fanahy mijalijaly amin' ny androny rehetra, dia amin' ny taona rehetra voatendry ho an' ny lozabe. **21** Feo mampitahotra no ren' ny sofiny; Ary na dia miadana aza izy, dia avy hamely azy ihany ny mpandroba. **22** Tsy manantena ho afaka amin' ny maizina izy; Andrasan' ny sabatra izy. **23** Mirenireny hitady izay hohaniny izy ka manao hoe: Aiza re?

Fantany fa antomotra azy ny andro maizina. **24** Fahoriana sy fahaporitana no mampitahotra azy; Mandresy azy ireo tahaka ny mpanjaka efa vonona ho amin' ny ady, **25** Satria naninjitra ny tanany hanohitra an' Andriamanitra izy Ary nirehareha hanohitra ny Tsitoha. **26** Mimaona amin' ny fahamafian-katoka hamely Azy izy, dia amin' ny foitran' ampingany matevina, **27** Satria efa matavitavy tarehy izy, ary mivalon-kotraka ny valahany; **28** Ary monina ao an-tanana rava izy, dia ao an-trano tokony tsy hitoeran' olona, izay efa voatendry ho korontam-bato. **29** Tsy hanan-karena izy, sady tsy haharitra ny heriny, ka tsy ho vokatra ambonin' ny tany ny fananany. **30** Tsy ho afaka amin' ny maizina izy; ny solofony hikainkona azon' ny lelafo; ho levon' ny fofonain' Andriamanitra izy. **31** Aoka tsy ho voafitaka hatoky zava-poana izy; fa zava-poana no ho valiny homena azy. **32** Raha mbola tsy tonga aza ny androny, dia manjo azy izany, ary tsy ho maitso ny sampany. **33** Ho tahaka ny voaloboka manintsana ny voany manta izy ary ho tahaka ny hazo oliva mampiraraka ny voniny. **34** Fa tsy ho vanona ny ankohonan' ny mpihatsaravelatsihy, ary ho lanin' ny afo ny tranon' ny mpitoroka. **35** Torontoronina fampahoriana izy ka miteraka fandozana, ary ny kibony mamorom-pitaka.

16 Dia namaly Joba ka nanao hoe: **2** Efa nandre zavatra maro toy izany aho; Mpampionona mahasorisorena foana ianareo rehetra. **3** Efa tapitra va izay ny bedibedy foana? Sa mbola misy manesika anao hamaly ahy ihany? **4** Izaho kosa mba mahazo miteny tahaka anareo, raha mba tonga tahaka ahy ianareo; eny, mahazo manamboatra teny ho enti-mamely anareo aho ary mahazo mihifikifidoha aminareo; **5** Mahazo mampahery anareo amin' ny Vavako aho, ary mahazo mampitony ny alahelonareo ny fampiononana ataon' ny molotro. **6** Na dia miteny aza aho, dia tsy mitsahatra ny alaheloko; Ary na dia mangìna aza aho, dia tsy misy mihena izany. **7** Fa ankehitriny efa nandreraka ahy Izy; Naringanao ny ankohonako rehetra. **8** Ary efa nampifezaka ny tenako Hianao, ka dia vavolombelona amiko izany. Ary mitsangana hiampanga ahy ny fahahiazako, ka dia tondromaso akaiky izany. **9** Amin' ny fahatezerany no amiravirany sy andrafiany ahy, mihidy vazana amiko Izy; Eny, miseho ho fahavaloko Izy ka mampivandravandra ny masony amiko; **10** Nisanasana vava tamiko ny olona; Latsa no nentiny namely ny takolako; Mitambatra hamely ahy izy. **11** Efa voatolotr' Andriamanitra ho amin' ny ratsy fanahy aho, ary natsipiny ho eo an-tànan' ny mpanota. **12** Tamin' ilay izaho tsy nanana ahiahy iny, dia nanorotoro ahy Izy; Nosamboriny tamin' ny hatoko aho ka nomontsaniny, sady natsangany ho marika hokendreny. **13** Manodidina ahy ny mpandefa zana-tsipìkany; Mamaky ny voako Izy ka tsy miantra ary manidina ny aferoko ho amin' ny tany. **14** Bangabangainy lalandava aho, ka miroatra hamely ahy tahaka ny lehilahy mahery Izy. **15** Lamba fisaonana no voazaitrako hanarona ny hoditro, ary nalàko baraka tamin' ny vovoka ny tandroko. **16** Ny tavako teramenan' ny fitomaniana, ary eo amin' ny hodi-masoko ny aloky ny fahafatesana; **17** Kanefa tsy misy eto an-tanako izay mba nalaina an-keriny; Ary madio ny fivavako. **18** Ry tany ô, aza manarona ny rako, ary aoka tsy ho voahazona ny fitarainako! **19** Fa na dia ankehitriny aza, indro, any andanitra ny Vavolombeloko, eny, ny Vavolombeloko dia any amin' ny avo. **20** Na dia mihomehy ahy aza ny sakaizako, dia mamarin-dranomaso eo anatrehan' Andriamanitra kosa aho, **21** Mba hanamarina ahy olombelona eo anatrehany Izy sy hanafa-tsiny ahy zanak' olombelona amin' ny sakaizako. **22** Fa rehefa lasa ny taona vitsy, dia handeha any amin' ny lalana izay tsy hiverenako intsony aho.

17 Efa ho ritra ny aiko; Efa milopilopy ny androko; Efa miandry ahy ny fasana. **2** Eny, fanesoana tokoa no manodidina ahy, ary tsy maintsy mijery ny filany ady amiko aho. **3** Masìna Hianao, aoka ny tenanao ihany no hiantoka ahy aminao; Fa iza moa no hety hiantoka ahy? **4** Fa ny fon' ireto dia voahidinao tsy hidiran' ny fahalalana; koa izany no tsy hanandratanao azy. **5** Izay manolotra ny sakaizany ho babo, dia ho pahina kosa ny mason' ny zanany. **6** Ary efa nanao ahy ho ambentinteny amin' ny firenena Izy, ka rorany mandrakariva ny tavako. **7** Efa pahina ny masoko noho ny alahelo; Ary efa toy ny aloka ny momba ny tenako rehetra. **8** Ankona noho izany ny olona mahitsy, ary ny tsy manan-tsiny mihendratra mahita ny mpihatsaravela-tsihy. **9** Fa ny marina mifikitra tsara amin' ny halehany, ary izay madio tanana no hitombo hery. **10** Avia avokoa indray ary ianareo rehetra tsy mahita izay olon-kendry eo aminareo aho. **11** Mihelina ny androko, voaongotra ny fikasako. Dia izay hevitra fikirin' ny foko indrindra; **12** Ny alina ataon' ireny ho antoandro, ary ny mazava ho efa akaiky, nefa tamy ihany ny maizina. **13** Raha mbola misy antenaiko, dia ny fiainan-tsi-hita fonenako ihany; Ao amin' ny maizina no hamelarako ny fandriako. **(Sheol h7585)** **14** Ny fasana no nantsoiko hoe: Raiko ianao; Ary ny kankana: Reniko sy anabaviko ianao. **15** Fa aiza ary ny fanantenako? Ary iza no mahita azy? **16** Midìna any amin' ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita izany, raha mba hahita fitsaharana ao amin' ny vovoka aho. **(Sheol h7585)**

18 Dia namaly Bildada Sohita ka nanao hoe: **2** Mandrapahoviana no hamandrika teny ianareo? Mba hendre aloha, dia vao hiteny izahay. **3** Sao ataonareo ho biby anie izahay ka tahaka ny maloto eo imasonareo? **4** Ry ilay mamiravira tena amin' ny fahatezerana, noho ny aminao va no hahatonga ny tany ho lao, ary ny vatolampy hafindra hiala amin' ny fitoerany? **5** Tsy izany, fa ho faty ny jiron' ny ratsy fanahy, ary hilopilopy ny lelafony; **6** Ny mazava manjary maizina ao amin' ny lainy, ary ny jirony eo amboniny dia maty. **7** Etena ny herin' ny diany, ary ny fisainany ihany no mandavo azy. **8** Fa ny tongony ihany no mahatonga azy eo amin' ny fandrika harato, ka manitsaka eo amin' ny harato izy; **9** Azon' ny fandrika ny ombelahin-tongony ary voahazon' ny tadivavarana **10** Miafina ao amin' ny tany ny fandrika haningotra azy sy ny tonta eny an-dalana. **11** Fampitahorana no mampitahotra azy manodidina ka mampivadi-po azy eny amin' ny alehany rehetra. **12** Liana azy ny loza, ary ny fandringanana dia vonona eo anilany; **13** Eny, laniny tsikelikely ny hodiny; ny momba ny tenany dia

lanin' ny lahimatoan' ny fahafatesana. **14** Ongotana hiala amin' ny lainy ny zavatra itokiany, ka tsy maintsy ho entina ho amin' ilay mpanjaka mampahatahotra indrindra izy. **15** Izay tsy tarananу no hitoetra ao amin' ny lainy; Solifara no hafafy amin' ny fonenany. **16** Maina ny fakany ao ambany, ary tapaka ny rantsany eo ambony. **17** Ny fahatsiarovana azy dia very tsy ho eo amin' ny tany. Ary tsy malaza eny ivelany izy. **18** Roahina hiala amin' ny mazava ho any amin' ny maizina izy ary enjehina hiala amin' izao tontolo izao. **19** Tsy manana fara mandimby eo amin' ny fireneny izy, ka tsy misy tsy tratry ny loza ny ao amin' ny fonenany. **20** Ny manjo azy dia italanjonan' ny any andrefana, ary ny any atsinanana raiki-tahotra. **21** Izany tokoa no anjaran' ny ratsy fanahy, ary izany no manjo ny tsy mahalala an' Andriamanitra.

19 Dia namaly Joba ka nanao hoe: **2** Mandrapahoviana no hampalahelovanareo ny fanahiko sy hanorotoroanareo ahy amin' ny fiteny? **3** Efa im-polo izay no nanaratsianareo ahy; Tsy misoroka izay hampahory ahy ianareo. **4** Ary raha diso tokoa aho, dia izaho ihany no andrian' ny fa hadisoako. **5** Raha mirehareha amiko kosa ianareo ka mampiaiky ahy ho nanao izay mahamenatra, **6** Dia aoka ho fantatrareo fa Andriamanitra no efa nampitanondrika ahy ka efa naningotra ahy tamin' ny fandrika haratony. **7** Indro, miantso mafy aho hoe: Loza! nefa tsy misy mamaly ahy; Mitaraina aho, nefa tsy mahita rariny. **8** Ny lalako dia nofefeny, ka tsy afa-mandroso aho; ary nasiany maizina teo amin' ny lalana alehako. **9** Ny voninahitro nalany tamiko, ary nesoriny ny satroboninahitra teo an-dohako. **10** Efa nandrava ahy manodidina Izy, ka efa ho faty aho; Ary efa nofongorany tahaka ny hazo ny fanantenako. **11** Dia nampirehetiny tamiko ny fahatezerany, ka nataony ho fahavalony aho. **12** Miaramandroso ny antokon' ny miaramilany ary manandratra tovon-tany hamelezany ahy izy ka mitoby manodidina ny laiko. **13** Ny rahalahiko efa nampanalaviriny ahy; Ary ny olona nahazatra ahy efa nihafahafa tamiko avokoa. **14** Efa tsy misy eto intsony ny havako, ary ny sakaizako efa nanadino ahy. **15** Ny vahiny izay mitoetra ao an-tranoko sy ny ankizivaviko aza samy manao ahy ho olon-kafa; Tonga olon-ko azy eo imasony aho. **16** Antsoiko ny mpanompoko, nefa tsy namaly ahy izy; Mifona aminy amin' ny vavako aho. **17** Ny fofonaiko mahaloiloy ny vadiko, ary maharikoriko ny zanak' ineny aho. **18** Eny, ny ankizilahy madinika aza mamingavinga ahy; Raha te-hitsangana aho, dia miteny mamely ahy ireny. **19** Na dia izay nifankazatra tamiko indrindra aza dia manao ahy ho zava-betaveta, ary izay olon-tiako dia mivadika ho fahavaloko. **20** Ny taolako miraikitra amin' ny hoditro sy ny nofoko, ary ny akanjo-nifiko ihany no hany sisa azoko enti-mandositra. **21** Mamindrà fo amiko, mamindrà fo amiko ianareo, ry sakaizako ô; fa ny tànan' Andriamanitra efa mikasika ahy. **22** Nahoana no manenjika ahy tahaka an' Andriamanitra koa ianareo ka tsy mety afa-po amin' ny nofoko? **23** Enga anie ka ho voasoratra ny teniko! Enga anie ka ho voatomboka eo amin' ny boky ireny! **24** Enga anie ka ho voasoratra amin' ny vy fanoratana sady voasy firaka eo amin' ny vatolampy ho mandrakizay izy! **25** Kanefa raha izaho, dia fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin' ny vovoka Izy. **26** Ary rehefa levona ny hoditro, izao simba izao, sady afaka amin' ny nofoko aho, dia hahita an' Andriamanitra; **27** Eny, izaho no hahita Azy, ary ny masoko no hijery, fa tsy olon-kafa. Efa matim-paniriana ny saiko ato anatiko. **28** Raha hoy ianareo: Andeha hanenjika azy fatratra isika. Fa hita ao anatiny ny fototry ny mahameloka azy. **29** Dia matahora ny sabatra ianareo; Fa ny fahatezerana dia heloka mendrika ny hovalian-tsabatra, mba ho fantatrareo fa misy fitsarana.

20 Dia namaly Zofara Namatita ka nanao hoe: **2** Noho izany dia mamaly ahy ny eritreritro, eny, noho ny fihetsiketsiky ny saiko. **3** Reko lalandava ny anatra mampahamenatra ahy; Ary ny fanahiko mamaly ahy avy amin' ny fahalalako. **4** Tsy fantatrao va fa hatramin' ny ela, eny, hatrizay nampitoerana ny olona tetỳ ambonin' ny tany, **5** Dia vetivety foana ny firavoravoan' ny ratsy fanahy, ary indray mipi-maso monja ny fifalian' ny mpihatsaravelatsihy? **6** Fa na dia mipaka amin' ny lanitra aza ny hahavony, ka mitehika amin' ny rahona ny lohany, **7** Dia ho very mandrakizay toy ny dikiny ihany izy; Izay nahita azy dia hanao hoe: Aiza izy? **8** Manidina tahaka ny nofy izy ka tsy ho hita; Eny, ampandosirina tahaka ny tsindrimandry amin' ny alina izy. **9** Ny maso izay mijery, dia indray mitopy ihany no ahitany azy; Ary dia tsy hahita azy intsony ny fitoerany. **10** Ny zanany hitambitamby amin' ny malahelo, ary ny tànany ihany no hampody ny hareny. **11** Ny taolany dia feno ny herin' ny fahatanorana, Nefa hiara-mandry aminy eo amin' ny vovoka izany. **12** Na dia mamy ao ambavany aza ny ratsy, ka afeniny ao ambanin' ny lelany, **13** Ary tsitsiny ka tsy foiny, fa tehiriziny ao amin' ny lanilaniny ihany, **14** Dia miova ny haniny ao an-kibony, ka aferon' ny vipera no ao anatiny. **15** Harena no nateliny, nefa aloany indray; Loaran' Andriamanitra hiala ao an-kibony izany. **16** Ny poizin' ny vipera no hotsentsefiny; Hahafaty azy ny lelan' ny menarana. **17** Tsy ho faly mahita renirano izy, dia ony sy riaky ny tantely sy ronono. **18** Tsy azony atelina izay nikelezany aina, fa tsy maintsy hampodiny; Na dia be aza ny hareny, dia tsy ho araka izany ny hafaliany. **19** Fa nampahory sy nahafoy ny reraka izy ka naka trano an-keriny, fa tsy hahatontosa azy. **20** Satria tsy mahalala mionona ny kibony, dia tsy hahavonjy ny tenany mbamin' ny tiany indrindra izy. **21** Tsy misy tsy tratry ny fieremany; Ka dia tsy haharitra ny fiadanany. **22** Ho poriporitra izy, na dia mihoa-pampana aza ny fananany; Ny tanan' ny ory no hamely azy. **23** Halefan' Andriamanitra ny fahatezerany mirehitra hameno ny kibony; Eny, halatsany aminy toy ny ranonorana izany ho hanina ho azy. **24** Raha mandositra ny vy fiadiana izy, dia hahavoa azy miboroaka ny tsipìka varahina; **25** Tsoahany izany, ka mivoaka avy amin' ny tenany; Eny, ny manelatselatra dia mivoaka avy amin' ny aferony; Lasa izy azon' ny fahatahorana mafy. **26** Ny aizim-pito no voarakitra ho amin' ny raki-malalany; Afo tsy tsofina no handoro azy sady handevona izay sisa ao

amin' ny lainy. **27** Hambaran' ny lanitra ny helony, Ary ny tany hitsangana hiampanga azy, **28** Ho lasa ny harena tafiditra ao an-tranony; Eny, ho levona izany amin' ny andro fahatezerany. **29** Izany no anjaran' ny ratsy fanahy avy amin' Andriamanitra, sy lova voatendrin' Andriamanitra ho azy.

21 Dia namaly Joba ka nanao hoe: **2** Mihainoa dia mihainoa ny teniko, Ary aoka izany no ho fampiononanareo ahy. **3** Mandefera amiko ianareo, fa mba hiteny kosa aho izao; Ary rehefa tapitra ny teniko, dia mandatsalatsà ihany indray ianareo. **4** Raha ny amiko, moa ny ataon' ny olona va no itarainako? Ary raha izany, nahoana no hahalefitra ny fanahiko? **5** Jereo aho, dia aoka ho talanjona ianareo, ary mitampena vava. **6** Eny, raha mahatsiaro izany aho, dia raiki-tahotra, sady toran-kovitra ny tenako: **7** Nahoana no velona ny ratsy fanahy ka sady tratrantitra no be hery? **8** Ny zanany koa mitomoetra tsara eo anatrehany, ary ny zafiny eo anoloany. **9** Ny ankohonany miadana ka tsy manan-tahotra, ary ny tsorakazon' Andriamanitra tsy mamely azy. **10** Ny ombilahiny mampiteraka ka mahavanona; Ny ombivaviny miteraka ka tsy mamotsotra. **11** Mamoaka ny zanany madinika toy ny ondry aman' osy izy, ka mikoriana ny zanany. **12** Mihoby mitondra ampongatapaka sy lokanga izy ary mifaly amin' ny feon-tsodina. **13** Mandany ny androny amin' ny fahafinaretana izy; Amin' ny indray mipi-maso monja no idinany any amin' ny fiainan-tsi-hita. **(Sheol h7585)** **14** Kanefa anie ireo no manao amin' Andriamanitra hoe: Mialà aminay! Fa tsy mba irinay ny hahalala ny lalanao. **15** Zinona izay Tsitoha, no hotompoinay? Ary inona no soa ho azonay, raha mivavaka aminy? **16** Indro, tsy avy amin' ny tenany ihany ny fahafinaretany! Ho lavitra ahy anie ny fisainan' ny ratsy fanahy! **17** Indraindray foana no mba maty ny jiron' ny ratsy fanahy, sy tonga ny loza manjo azy. Ary amelaran' Andriamanitra fandrika ireny noho ny fahatezerany, **18** Ka tonga tahaka ny mololo voatetika indaosin' ny rivotra izy sy tahaka ny akofa entin' ny tafio-drivotra. **19** Andriamanitra, hoy ianareo, mbola hampijaly ny zanany noho ny helodrainy! Tsia; fa ny tenan' ireny ihany no aoka hovaliany, mba hahalalany. **20** Aoka ny masony ihany no hahita ny loza manjo azy, ary aoka ny tenany ihany no hisotro ny fahatezeran' ny Tsitoha. **21** Fa mampaninona azy moa ny amin' ny taranany mandimby azy, raha tapaka ny isan' ny androny? **22** Moa Andriamanitra va no hampianarim-pahalalana, nefa Izy no mitsara ny any an-danitra aza? **23** Maty ny anankiray, raha tsy mbola mihena ny fahatanjahany, sady miadana tokoa ka tsy manana ahiahy; **24** Feno ronono ny fitoeran-drononony, ary vonton-tsoka ny taolany. **25** Ary ny anankiray maty amin' ny fahorian' ny fanahiny kosa ka tsy mba nanandrana soa akory. **26** Samy mandry ao amin' ny vovoka izy roa tonta, ka feno olitra ny tenany. **27** Indro, fantatro ny hevitrareo sy ny saim-petsy amelezanareo ahy; **28** Fa hoy ianareo: Aiza ny tranon' ny mpitohatoha? Ary aiza ny lay fitoeran' ny ratsy fanahy? **29** Kanefa tsy mba nanontany tamin' ny mpandeha amin' ny tany lavitra va ianareo? Ary tsy heverinareo va ny zava-mahagaga, ambaran' Ireo hoe: **30** Amin' ny andro hahitan-doza dia voaaro ihany ny ratsy fanahy, ary amin' ny andro fahatezerana dia enti-miala izy? **31** Iza no hanambara ny lalany eo anatrehany? Ary raha misy zavatra nataony, iza no sahy hamaly azy? **32** Ary ho entina ho eny an-tany fandevonana izy ka mbola hitazana ao am-pasana; **33** Ho mamy aminy ny bainga any an-dohasaha, ary ny olona rehetra hanaraka azy, toy ny nandehanan' ny maro tany alohany. **34** Endrey! ity ianareo mba mampionona ahy foana! Ary ny famalianareo anefa, raha voasana tsara, dia lainga ihany!

22 Dia namaly Elifaza Temanita ka nanao hoe: **2** Mahasoa an' Andriamanitra va ny olona? Tsia, fa mahasoa ny tenany ihany ny olon-kendry. **3** Mampaninona ny Tsitoha moa, raha marina ianao, sa misy tombony ho Azy, raha ataonao tsy misy diso ny alehanao? **4** Moa ny fahatahoranao Azy va no ananarany anao, sy ifanatrehany aminao amin' ny fitsarana? **5** Tsy be va ny faharatsianao, sady tsy hita isa ny helokao? **6** Fa efa naka tsatòka tsy ahoan-tsy ahoana tamin' ny rahalahinao ianao ka nanendaka ny akanjon' ny mahantra. **7** Tsy nanome rano hosotroin' ny mangetaheta ianao sady tsy nahafoy hanina ho an' ny noana. **8** Fa ny olona sandriana ihany no nanana ny tany; Ary ny manan-kaja ihany no nitoetra teo. **9** Efa nampialainao maina ny mpitondratena. Ary tapahina ny sandrin' ny kamboty. **10** Koa noho izany dia misy fandrika manodidina anao, ary ny fahatahorana dia mampihorohoro anao tampoka; **11** Moa tsy ianao va ny maizina Sy ny rano mandriaka mandifotra anao? **12** Tsy avo tahaka ny lanitra va Andriamanitra? Jereo ny hahavon' ny kintana, endrey ny hahavony! **13** Nefa hoy ianao: Ataon' Andriamanitra ahoana no fahafantatra? Mahay mitsara ary ankoatry ny rahona maizina va Izy? **14** Ny rahona matevina manakona Azy, ka tsy mahita Izy; Ary mandehandeha eny amin' ny lanitra Izy. **15** Moa hizotra amin' ny lalana izay nalehan' ny olona fahagola va ianao? Dia ilay nalehan' ny olona ratsy fanahy. **16** Izay nesorina alohan' ny androny, ka nindaosin' ny riaka ny fanorenany, **17** Dia ireo izay manao tamin' Andriamanitra hoe: Mialà aminay! Ary inona no azon' ny Tsitoha atao ho anay? **18** Kanefa Izy no efa nameno zava-tsoa ny tranony ho lavitra ahy anie ny fisainan' ny ratsy fanahy! **19** Ny marina mahita ka mifaly, Ary ny tsy manan-tsiny mihomehy ireny hoe: **20** Marina tokoa fa efa rava ny fahavalontsika, ary ny hareny betsaka efa levon' ny afo. **21** Mifankazara amin' ny Tsitoha ianao, dia hiadana; Izany no hahatongavan' ny soa aminao. **22** Masìna ianao, mandraisa fampianarana avy amin' ny vavany, ary alatsaho ao am-ponao ny teniny. **23** Raha miverina aminy ianao, dia haorina tsara, eny, raha ampanalavirinao ny lainao ny heloka. **24** Ario eny amin' ny vovoka ny akoram-bolamena sy ny akoram-bolafotsy, eny, ario eny amin' ny vato eny an-dohasahan-driaka ny volamena avy any Ofira; **25** Fa ny Tsitoha no ho akoram-bolamenanao sy akoram-bolafotsinao, Ary ho volafotsy mamirapiratra ho anao. **26** Fa amin' izany dia hiravoravo amin' ny Tsitoha ianao ka hanandratra ny tavanao amin' Andriamanitra.

27 Raha mifona aminy ianao, dia hihaino anao Izy; Ary ny voadinao dia hefainao. **28** Ary raha misy kasainao hatao, dia hotanterahina aminao, ary hamirapiratra amin' ny lalanao ny mazava. **29** Raha misy mietry, dia hataonao hoe: Misandrata; fa ny manetry tena hovonjeny. **30** Hanafaka ny olona meloka Izy, eny, ny fahadiovan' ny tananao no hamonjena azy.

23 Dia namaly Joba ka nanao hoe: **2** Mbola atao ho fikomianao ihany ny fitarainako; Ny tanana mamely ahy dia mitambesatra amin' ny fisentoako. **3** Enga anie ka ho fantatro izay hahitako Azy ka ho tonga any amin' ny fitoerany aza! **4** Dia handahatra ny teniko eo anatrehany aho. Ka hofenoiko ny teny alahatro ny vavako; **5** Ary hahalala izay teny havaliny ahy aho sy hamantatra izay holazainy amiko. **6** Hery lehibe va no handaharany teny amiko? Tsia, fa Izy indrindra no hihaino ahy **7** Fa amin' izany dia olona marina no ho nifandahatra taminy; Ka dia ho nanan-drariny mihitsy aho tamin' ny Mpitsara ahy. **8** Indro, miantsinanana aho, fa tsy any Izy; Ary miankandrefana aho, fa tsy hitako Izy; **9** Mianavaratra amin' izay iasany aho, fa tsy tazako Izy; Mivily any atsimo Izy, ka tsy hitako. **10** Fa mahalala ny lalana falehako Izy; Raha hizahany toetra aho, dia hivoaka tahaka ny volamena. **11** Ny tongotro nifikitra tamin' ny lalany; Eny, ny lalany no nizorako tsara, ka tsy nivily aho. **12** Ny didin' ny molony tsy mba nialako; Ny tenin' ny vavany noraketiko mihoatra noho ny faniriako. **13** Nefa tsy miova saina Izy, iza no mahasakana Azy? Fa na inona na inona irin' ny fanahiny dia ataony. **14** Eny, manatanteraka izay voatendry ho ahy Izy; Ary zavatra maro toy izany no ao aminy; **15** Roa Izany no mampangovitra ahy eo anatrehany; Raha misaintsaina izany aho, dia matahotra Azy. **16** Fa Andriamanitra no mandrerakany foko, ary ny Tsitoha no mampangovitra ahy; **17** Fa tsy ny fahamaizinana no maharesy ahy, na ny maizim-pito izay manarona ny tavako.

24 Nahoana no tsy misy fotoan' andro voatendrin' ny Tsitoha, ary nahoana no tsy hitan' ny mahalala Azy izany androny Izany? **2** Misy mamindra fari-tany sy mangalatra omby aman' ondry sady miandry azy. **3** Mandroaka ny borikin' ny kamboty izy, ary maka ny ombin' ny mpitondratena ho tsatòka. **4** Manosika ny mahantra hiala amin' ny lalana izy, ka dia miery azy avokoa ny malahelo amin' ny tany. **5** Indro, tahaka ny fivoaky ny boriki-dia any an-efitra no fivoak' ireny ho amin' ny asany hiremby; Ny tani-hay no ahazoany hanina ho an' ny zanany. **6** Any antsaha izy maka vilona sy mitsimpontsimpona ny voaloboky ny ratsy fanahy. **7** Mandry mitanjaka amin' ny alina izy, satria tsy manan-damba, ka dia tsy manana firakotra amin' ny hatsiaka; **8** Kotsan' ny ranonoram-baratra any antendrombohitra izy, ka mitampisaka amin' ny vatolampy, fa tsy manam-pialofana. **9** Misarika ny kamboty eo ampinonoana izy ary maka tsatòka amin' ny ory. **10** Mandeha mitsaitsaika ireo, fa mitanjaka tsy manan-kitafy, ary noana eo am-pitondrana ny amboaram-bary. **11** Manao diloilo eo anatin' ny tambohon' ny mpampahory azy izy; Ary manosihosy ny famiazam-boaloboka izy, nefa mangetaheta ihany. **12** Mitrona ny lehilahy ao an-tanana, ary mitaraina ny fanahin' ny voalefona; Nefa tsy ahoan' Andriamanitra akory ny ratsy atao. **13** Ireny no mpikomy amin' ny mazava; Tsy mba mihevitra ny lalany izy, na mitoetra eo amin' ny alehany. **14** Raha vao mangiran-dratsy, dia mifoha ny mpamono olona; Mamono ny ory sy ny malahelo izy, ary nony alina, dia tahaka ny mpangalatra. **15** Ny mason' ny mpijangajanga miandry ny maizimaizina, ka hoy izy: Tsy misy hahalala ahy ka dia manao very maso izy. **16** Misy manamy trano nony maizina; Nefa nony antoandro dia miery izy; Tsy mahalala ny mazava izy; **17** Fa ny aizim-pito no marainan' ireo rehetra ireo; Satria efa mahazatra azy ny fampahatahoran' ny aizim-pito izy. **18** Mitsinkafona paohin' ny rano izy; Voaozona ny anjarany eo amin' ny tany; Tsy mivily ho amin' ny lalana mankeny amin' ny tanim-boaloboka izy. **19** Toy ny andevonan' ny maina sy ny mafana ny ranom-panala no andevonan' ny fiainan-tsi-hita ny mpanota. **(Sheol h7585)** **20** Manadino azy ny vohoka; manjary hanim-py ho an' ny olitra izy ka tsy tsarovana intsony; Ary tapaka tahaka ny hazo ny ratsy fanahy, **21** Dia ilay nandroba ny momba izay tsy niteraka ary tsy nanisy soa ny mpitondratena. **22** Kanefa halavain' Andriamanitra amin' ny heriny ny andron' ny olo-mahery; Mitsangana indray ireo, na dia tsy nanampo izay ho velona intsony aza. **23** Ataony mandry fahizay sy tsara tohana izy, sady tsinjoviny mandrakariva ny lalany. **24** Nasandratra izy, kanjo vetivety dia tsy ao intsony, dia mihalevona izy ka otazana tahaka ny olona rehetra, ary tangosana tahaka ny salohimbary. **25** Raha tsy izany, dia aoka hisy hamaky lainga ahy ka hampiseho ny teniko ho tsinontsinona.

25 Dia namaly Bildada Sohita ka nanao hoe. **2** Fanapahana sy fampahatahorana no ao aminy, manao fihavanana any amin' ny avo Izy. **3** Azo isaina va ny miaramilany? Ary fahazavan' iza no tsy ihoaran' ny Azy? **4** Ary aiza no hahamarina ny zanak' olombelona eo anatrehan' Andriamanitra? Ary aiza no hadio izay terabehivavy? **5** Indro, ny volana aza tsy mangarangarana, ary ny kintana aza tsy madio eo imasony; **6** Koa mainka fa ny olombelona, izay kankana, ary ny zanak' olombelona, izay olitra.

26 Dia namaly Joba ka nanao hoe: **2** Endrey! nanohana ny tsy manan-kery ianao sy nampahatanjaka ny sandry malemy! **3** Ary nanolo-tsaina ny tsy hendry sy nampahafantatra izay fahendrena betsaka! **4** Iza no nandaharanao teny? Ary fanahin' izay no nivoaka avy tao aminao? **5** Ny matoatoa dia ampanaintainina Any ambanin' ny rano sy any ambanin' ny mponina any. **6** Ny fiainan-tsi-hita miharihary eo anatrehany, ary ny fandringanana dia tsy mirakotra. **(Sheol h7585)** **7** Mamelatra ny lanitra avaratra ho eny ambonin' ny habakabaka Izy ary manantona ny tany amin' ny tsy misy. **8** Fonosiny amin' ireo rahony matevina ny rano, nefa ny fanambanin' ny rahona tsy mety triatra. **9** Manakona ny seza fiandrianany tsy ho hitantsika Izy amin' ny amelarany ny rahony hanarona azy. **10** Asiany faritra manodidina eny ambonin' ny rano. Hatramin' izay ihaonan' ny mazava sy ny maizina. **11** Ny andrin' ny lanitra

nihozongozona sady ankona amin' ny teny mafy ataony. **12** Ny heriny no entiny mampanonja ny ranomasina, ary ny fahendreny no anorotoroany an-dRahaba; **13** Ny fanahiny no mahatsara tarehy ny lanitra; Ny tànany no nitomboka ny menarana mandositra. **14** Indro, ireny dia vao ny sisintsisin' ny alehany ihany aza, ary siosion-teny mamelovelo no andrenesantsika Azy; Fa raha ny fikotrokotroky ny heriny, iza moa no mahatakatra izany?

27 Dia mbola nandroso nanao oha-teny ihany Joba ka nanao hoe: **2** Raha velona koa Andriamanitra, Izay efa nandà tsy hanome ahy ny rariny, sy ny Tsitoha, Izay efa nampangidy ny aiko. **3** Fa mbola ato anatiko ihany ny aiko, ary eo am-bavoroko ny Fanahin' Andriamanitra. **4** Dia tsy hanao teny tsy marina ny molotro, ary tsy hanonom-pitaka ny lelako. **5** Sanatria raha hanaiky ny anareo ho marina aho! Mandra-pialan' ny aiko dia tsy hanaiky ny tenako ho manan-tsiny aho. **6** Ny fahamarinako dia hazoniko mafy ka tsy ho foiko; Ny foko tsy manome tsiny ahy akory na dia ny amin' ny androko iray monja aza. **7** Aoka ho hita fa ratsy fanahy ny fahavaloko, ary tsy marina izay mitsangana hanohitra ahy. **8** Fa inona no fanantenan' ny mpihatsaravelatsihy, raha maito ny ainy, ka tsoahan' Andriamanitra ny fanahiny? **9** Hihaino ny fitarainany va Andriamanitra, raha ozoim-pahoriana izy? **10** Ho azony hiravoravoana va ny Tsitoha? Hahazo miantso an' Andriamanitra mandrakariva va izy? **11** Hampianatra anareo ny amin' ny tànan' Andriamanitra aho, ary tsy hisorona anareo aho ny amin' ny hevitry ny Tsitoha. **12** Indreo, ianareo rehetra samy efa nahita izany; Koa nahoana ianareo no manao hevi-poana? **13** Izao no anjaran' ny ratsy fanahy avy amin' Andriamanitra, sy lovan' ny lozabe raisiny avy amin' ny Tsitoha: **14** Na dia mihamaro aza ny zanany, dia ho an' ny sabatra ihany ireny. Ary ny zaza aterany tsy ho voky hanina; **15** Ny ankohonany sisa dia hasitrik' Ifahafatesana, ary tsy hisaona azy ny mpitondratenany; **16** Na dia mahary volafotsy hoatra ny vovoka aza izy ary mahangona fitafiana hoatra ny fotaka, **17** Eny, manangona ihany izy, nefa ny marina no hitafy izany, ary ny tsy manan-tsiny no hizara ny volafotsy; **18** Manao ny tranony tahaka ny an' ny lolofotsy izy, ary tahaka ny trano rantsan-kazo ataon' ny mpiandry voly; **19** Ao avokoa ihany ny hareny, raha vao mandry izy; Nefa nony ahirany ny masony, dia tsy ao intsony ireny. **20** Ny fampahatahorana mahatratra azy tahaka ny riaka: Nony alina paohin' ny tafio-drivotra izy; **21** Ny rivotra avy any atsinanana mampiainga sy mahalasa azy ka mipaoka azy hiala amin' ny fitoerany; **22** Asian' Andriamanitra izy ka tsy iantrany, ary mandositra dia mandositra ho afaka amin' ny tànany izy; **23** Tehafin' ny olona tanana izy sady isitrisirany ka ampialainy amin' ny fonenany.

28 Fa misy tany fihadiana volafotsy, ary misy tany fahazoana volamena, izay diovina. **2** Ny vy dia alaina avy amin' ny tany, ary ny varahina arendrika avy amin' ny vato. **3** Ny mpihady vola mampisava ny maizina ka mizaha hatramin' ny faran' ny zavatra rehetra ao, dia ny vaton' ny aizim-pito sy ny aloky ny fahafatesana; **4** Mihady lavaka mihalavitra amin' izay itoeran' olona izy ka tsy ampoizin' ny tongotra akory, ary mihantona sy mitsingevaheva any ambany lavitra ny olona izy. **5** Ny tany no ihavian' ny hanina; Ary ny ao ambaniny dia avadika tahaka ny afo. **6** Fitoeran' ny safira ny vatony, ary misy akoram-bolamena ao aminy **7** Làlana tsy fantatry ny vorona mpihaza ary tsy hitan' ny mason' ny voromahery, **8** Sady tsy nodiavin' ny zanaky ny bibi-dia ary tsy mba nalehan' ny liona masiaka. **9** Maninjitra ny tànany amin' ny vatokaranana ireo ary mamadika ny tendrombohitra hatramin' ny fotony; **10** Ny vatolampy tatahany hatao lalan-drano, ary izay zava-tsoa rehetra dia hitan' ny masony avokoa. **11** Tampenany ny lalan-drano mba tsy hisy mitete. Ary izay zava-miafina dia avoakany ho amin' ny mazava. **12** Fa aiza kosa no hahitana ny fahendrena? ary aiza no fitoeran' ny fahalalana? **13** Tsy misy zanak' olombelona mahalala ny vidiny, ary tsy hita eo amin' ny tanin' ny velona izy. **14** Hoy ny lalina: Tsy ato anatiko izy; Ary, tsy ato amiko izy, hoy ny ranomasina. **15** Ny volamena tsara tsy mahatakalo azy, ary ny volafotsy tsy azo lanjaina ho vidiny; **16** Ny volamena avy any Ofira tsy ampy ho tombany, na ny beryla saro-bidy sy ny safira aza. **17** Ny volamena sy ny fitaratra tsy azo ampitahaina aminy, ary tsy azo takalozana firavaka tena volamena izy. **18** Tsy tokony hotsaroana akory ny voahangy sy ny vato krystaly, fa ny fahazoana fahendrena dia mihoatra noho ny voahangy. **19** Ny topaza avy any Etiopia dia tsy azo ampitahaina aminy, ary tsy mahatakalo azy ny tena volamena tsara **20** Dia avy aiza ary ny fahendrena? Ary aiza no fitoeran' ny fahalalana? **21** Miafina amin' ny mason' ny velona rehetra izany ary takona amin' ny voro-manidina. **22** Hoy Abadona sy Ifahafatesana: Ny sofinay ihany no nandrenesany ny filazana azy. **23** Andriamanitra ihany no mahalala ny lalana ho any aminy, ary Izy no mahafantatra ny itoerany; **24** Fa Izy no mitsinjo hatramin' ny faran' ny tany ary mahatazana manerana izao ambanin' ny lanitra rehetra izao, **25** Ka manendry ny lanjan' ny rivotra ary mamatra ny rano amin' ny famarana. **26** Raha nanao lalana ho an' ny ranonorana Izy sy lalana halehan' ny helatry ny kotrokorana, **27** Dia nahita ka nanambara azy Izy; Eny, nanorina azy Izy sady namantatra azy; **28** Dia hoy Izy tamin' ny olona: Indro, ny fahatahorana ny Tompo no fahendrena. Ary ny fialàna amin' ny ratsy no fahalalana.

29 Dia mbola nandroso nanao oha-teny ihany Joba ka nanao hoe: **2** Enga anie ka ho tahaka ny tamin' ireny volana lasa ireny aho! Dia tahaka ilay tamin' ny andro niarovan' Andriamanitra ahy! **3** Fony mbola nazava teo ambonin' ny lohako ny jirony, ary ny fahazavany no nandehanako tao amin' ny maizina; **4** Eny, tahaka ny toetro fony aho mbola fararano, raha niseho teo ambonin' ny laiko ny fisakaizan' Andriamanitra; **5** Fony mbola tao amiko ny Tsitoha, Ary nanodidina ahy ny zanako; **6** Fony mbola nanasa ny tongotro tamin' ny rononomandry aho, ary ny vatolampy namoaka renirano diloilo teo amiko; **7** Raha niainga niakatra ho eo amin' ny vavahadin' ny tanàna aho ka nametraka ny fipetrahako teo an-kalalahana, **8** Dia nahita ahy ny zatovo ka niampirimpirina; Ary niainga ny fotsy volo, dia nijoro; **9** Nangina tsy niteny ny lehibe ka

nitampim-bava; **10** Tsy sahy niteny ny mpanapaka, ary ny lelany niraikitra tamin' ny lanilaniny. **11** Izay sofina nandre dia nanao ahy hoe sambatra; Ary Izay maso nahita dia vavolombelona ho ahy, **12** Satria namonjy ny ory izay nitaraina aho sy ny kamboty izay tsy nanan-kamonjy. **13** Ny fisaoran' izay efa ho faty dia tonga tamiko; Ary ny fon' ny mpitondratena nampifaliko. **14** Nitafy fahamarinana aho, ka mba nitafy ahy kosa izy; Eny, tahaka ny lamba sy ny hamama ny rariny izay nananako. **15** Efa maso ho an' ny jamba aho ary tongotra ho an' ny mandringa. **16** Efa ray ho an' ny malahelo aho, ary ny adin' ny olona tsy fantatro aza nodinihiko. **17** Namaky ny nifin' ny ratsy fanahy aho ka nandrombaka ny babo teo am-bavany **18** Dia hoy izaho: Eo amin' ny akaniko ihany no hialako aina, ary hanamaro ny androko toy ny fasika aho. **19** Ny fakako ho azon' ny rano, ary ny ando hitoetra amin' ny sampako mandritra ny alina. **20** Ho vaovao amiko lalandava ny voninahitro, ary ny tsipikako hihahenjana eny an-tanako. **21** Nihaino ahy ny olona, dia niandry, ka nangina tamin' ny fanolorako saina izy. **22** Rehefa niteny aho, dia tsy mba namaly intsony izy; ary nitetevan' ny teniko izy. **23** Niandry ahy toy ny fiandry ny ranonorana izy ary nitanatana vava toy ny fiandry ny fara-orana. **24** Raha nisy nila ho ketraka, dia mbola niseho miramirana taminy ihany ny tarehiko, ary tsy nahamaloka ny fahazavan' ny tavako ireo. **25** Nifidy ny lalan-kalehany aho ka nipetraka ho lohany, eny, nitoetra toy ny mpanjaka teo amin' ny miaramila sy toy ny mpampionona ny misaona aho.

30 Fa ankehitriny kosa dia mihomehy ahy na dia izay tokon-jandriko aza, dia zanak' ireo izay nolaviko tsy ho isan' ny amboa miandry ny ondriko akory aza. **2** Eny, mampaninona ahy ny herin' ny tànan' ireo. Izay efa very fahatanjahana? **3** Manjenjena noho ny tsi-fisian-kanina sy ny mosary izy; Homankomana foana any an-tany karankaina izy, dia eo an-katoky ny loza sy ny fandringanana. **4** Mitsongo anambodihena eo amin' ny kirihitrala izy, ary ny fakan' ny anjavidy no fihinany. **5** Roahina tsy ho eo amin' ny olona izy sady akoraina toy ny mpangalatra. **6** Any an-dohasaha mahatsiravina no tsy maintsy itoerany, dia ao an-dava-tany sy an-dava-bato. **7** Minananana eny amin' ny kirihitrala izy ary mitangorona eo ambanin' ny amiana. **8** Zanaky ny adala izy sady zanaky ny tsy manan-kaja, ka roahina tsy ho eo amin' ny tany. **9** Ary ankehitriny efa ataony an-kira aho. Eny, efa ambentinteniny aho. **10** Ataony toy ny zava-betaveta aho ka halaviriny, ary tsy menatra handrora ny tavako izy. **11** Fa noketrahin' Andriamanitra ny kofehiko, ka nampietreny aho; Ka dia mba nesorin' iretsy kosa teo anatrehako ny lamboridiny. **12** Misy androvolahy mitsangana eo ankavanako; Manosika ny tongotro hiala izy ary manandratra tovon-tany hampidirany loza amiko. **13** Mandrava ny lalako sy manararaotra ny andravana ahy izy, nefa ny tenany tsy manan-kamonjy, **14** Toy ny fiditra eo amin' ny banga lehibe no fihaviny, ka avy ao amin' ny voarava no imaonany. **15** Voatodika hamely ahy ny fampitahorana: Manenjika ny voninahitro tahaka ny rivotra izy, ka levona tahaka ny rahona ny famonjena ahy **16** Ary ankehitriny, raraka ato anatiko ny fanahiko. Fenjàn' ny andro fahoriana aho. **17** Ny alina mampahalò ny taolako ho afaka amiko, ary tsy mitsahatra ireo manotahota ahy ireo. **18** Noho ny haben' ny hery dia tonga tsy antonona ny akanjoko, manenda ahy tahaka ny vozon-dobaka izany. **19** Eny, nanary ahy teo amin' ny fotaka Izy, ka efa tahaka ny vovoka sy ny lavenona aho **20** Mitaraina aminao aho, nefa tsy mihaino ahy Hianao; Mijoro eo aho, nefa ierenao foana. **21** Efa manjary lozabe amiko Hianao; Ny herin' ny tananao no andrafianao ahy. **22** Aingainao ho eny amin' ny rivotra aho ka alefanao handeha, ary levoninao amin' ny tafio-drivotra mifofofofo ho tsinontsinona aho. **23** Fa fantatro fa hampodinao any amin' ny fahafatesana aho, dia any amin' ny trano fivorian' ny olombelona rehetra. **24** Kanefa tsy manainga ny tànany va ny olona, raha ianjeran' ny rava? Ary tsy mitaraina va izy, raha tratry ny loza? **25** Tsy nitomany ny ory va aho? Tsy nangorakoraka ny malahelo va ny fanahiko? **26** Fa niandry ny soa aho, kanjo tonga ny ratsy; Ary nanantena ny mazava aho, kanjo avy ny maizina. **27** Nandevilevy ny tsinaiko ka tsy nanam-pitsaharana; Nitsena ahy ny andro fahoriana. **28** Mitsaitsaika mitafy lamba fisaonana aho sady tsy mahita masoandro; Mitsangana aho ka mitaraina eo ampivorian' ny olona. **29** Rahalahin' ny amboadia aho Ary naman' ny ostritsa. **30** Efa mainty ny hoditro sady miendakendaka, ary efa karankaina noho ny hafanana ny taolako. **31** Nanjary fisaonana ny lokangako. Ary feon' ny mitomany ny sodiko.

31 Efa nampanekeko ny masoko; Koa hataoko ahoana indray no fijery zazavavy? **2** Fa raha izany, dia inona no anjara avy amin' Andriamanitra any ambony. Sy lova avy amin' ny Tsitoha any amin' ny avo? **3** Moa tsy loza va no manjo ny ratsy fanahy? Ary tsy fahoriana va no mahazo ny mpanao ratsy? **4** Moa tsy Andriamanitra va no mijery ny lalako ka manisa ny diako rehetra? **5** Raha tàhiny nandeha tamin' ny fitaka aho na niezaka tamin' ny fahafetsena. **6** (Enga anie ka holanjain' Andriamanitra eo amin' ny mizanan' ny fahamarinana aho! Dia ho fantany ny tsi-fananako tsiny); **7** Raha tàhiny nivily niala tamin' ny lalana ny diako, na nanaraka ny masoko ny foko, na nisy tsiny niraikitra tamin' ny tanako: **8** Dia aoka hamafy aho, fa olon-kafa no hihinana, ary aoka ho fongotra izay amboleko. **9** Raha tahìny adala tamin' ny vadin' olona ny foko, ka namitsaka teo am-baravaran' ny namako aho, **10** Dia aoka kosa ny vadiko halain' ny sasany, ary aoka olon-kafa no handry aminy. **11** Fa fahavetavetana izany, eny, heloka tokony hotsarain' ny mpitsara; **12** Fa afo mandevona hatrany amin' ny fandringanana izany ka hanongotra ny vokatro rehetra. **13** Raha tàhiny aho nandà ny rariny izay an' ny ankizilahiko na ny ankizivaviko, raha nifamaly tamiko izy, **14** Dia inona no hataoko, raha hitsangana Andriamanitra? Ary ahoana no havaliko Azy, raha handinika Izy? **15** Fa moa tsy Izay nanao ahy tany an-kibo ihany va no nanao azy koa? Ary tsy Iray ihany va no namorona anay tany am-bohoka? **16** Raha tàhiny aho nandà Izay nirin' ny malahelo ka nahapahina ny mason' ny mpitondratena, **17** Na nihinana ny sombin-kaniko irery, ka

tsy mba nihinanan' ny kamboty **18** (Fa tsy izany, fa hatry ny fony mbola tanora aho, dia notezaina teo amiko tahaka ny zanaka ny kamboty, Ary nitondra ny mpitondratena hatrany an-kibon-dreniko aho); **19** Raha tàhiny aho nahita olona efa ho faty noho ny tsi-fananan-damba. Na malahelo tsy manan-kitafy, **20** Koa tsy nankasitraka ahy ny tenany, ary tsy nanafàna azy ny volon' ondriko; **21** Raha tahìny aho naninjitra ny tanako hampahory ny kamboty, saingy hitako fa nisy niandany tamiko teo am-bavahady: **22** Dia aoka ny foto-tsandriko hitsoaka hiala amin' ny rangomainako, eny, aoka ny sandriko ho latsaka hiala amin' ny taolam-panaviko. **23** Fa mampahatahotra ahy ny loza avy amin' Andriamanitra, ka tsy mahavita na inona na inona aho noho ny fahalehibiazany. **24** Raha tàhiny aho nanao ny volamena ho fanantenako, na nanonona ny volamena tsara hoe: Ry tokiko ô; **25** Raha tàhiny ho nifaly noho ny haben' ny fananako sy noho ny nahazoan' ny tanako harena betsaka; **26** Raha tàhiny aho nijery ny masoandro, raha namirapiratra izy, na ny volana, raha nandeha tamin' ny fangarangarany izy, **27** Ka voafitaka mangingina ny foko, ary nanoroka ny tanako ny vavako **28** (Dia heloka hanamelohan' ny mpitsara koa izany; Fa ho nihatsaravelatsihy tamin' Andriamanitra Izay any ambony aho); **29** Raha tàhiny aho nifaly noho ny loza nanjo izay nankahala ahy, na nibitabitaka, raha nozoim-pahoriana izy **30** (Tsia, fa tsy navelako hanota akory ny vavako hangataka ozona hanjo azy); **31** Raha tàhiny ny tao an-daiko tsy nanao hoe: Iza moa no tsy voky tamin' ny henany? **32** Ny vahiny aza tsy nandry teny alatrano; Fa novohako ny varavarako manatrika ny lalana; **33** Raha tàhiny aho mba nanarona ny fahadisoako tahaka an' i Adama ka nanafina ny heloko tato an-tratrako, **34** Satria nampihorohoro ny foko ny vahoaka maro be, ary natahotra aho, fandrao hamavoin' ny fokon' olona, ka dia namitsaka, fa tsy sahy nivoaka ny varavarana **35** Enga anie ka hisy hihaino ahy! Indro ny soniako! Enga anie ka hamaly ahy ny Tsitoha! Indro ny taratasy voasoratr' ilay manana ady amiko! **36** Hataoko eny an-tsoroko tokoa izany ary hafehiko amiko ho satro-boninahitra. **37** Ny isan' ny diako dia hambarako aminy, ary tahaka ny fanakon' ny zanak' andriana no hanatonako Azy. **38** Raha tàhiny mitaraina hiampanga ahy ny taniko, ka miara-mitomany ny vavasako; **39** Raha tàhiny aho nihinana ny vokatra, nefa tsy nandoa ny vidiny. Na nanao izay hahafaty ny ain' ny tompony: **40** Dia aoka ny tsilo no haniry hisolo ny vary tritika. Ary ny ahidratsy hisolo ny vary hordea. Tapitra ny tenin' i Joba.

32 Ary nitsahatra tsy namaly intsony izy telo lahy ireo, satria nanamarin-tena Joba. **2** Ary nirehitra kosa ny fahatezeran' i Eliho, zanak' i Barakela, Bozita, avy amin' ny fokon' i Rama; eny, tamin' i Joba no nirehetan' ny fahatezerany, satria nanao ny tenany ho marina noho Andriamanitra izy. **3** Ary tamin' ny sakaizany telo lahy koa no nirehetan' ny fahatezerany, satria tsy nahita teny havaliny izy ireo, kanefa nanameloka an' i Joba. **4** Ary Eliho mbola niandry an-dr' i Joba aloha vao niteny, fa ireo no ela niainana kokoa noho izy. **5** Ary rehefa hitany fa tsy nanan-kavaly izy telo lahy, dia nirehitra ny fahatezerany; **6** ka dia niteny Eliho, zanak' i Barakela, Bozita, ka nanao hoe: Mbola tanora aho, fa ianareo kosa efa fotsy volo, koa dia niaoriandriana aho aloha, fa tsy sahy nanambara aminareo izay fantatro. **7** Hoy izaho: Aoka ny fahanterana no hiteny, ary aoka ny hamaroan' ny taona no hampianatra fahendrena. **8** Kanefa ny fanahy izay ao anatin' ny zanak' olombelona sy ny fofonoin' ny Tsitoha no mahahendry azy. **9** Tsy dia ny fahalehibiazana no mahahendry, ary tsy dia ny fahanterana no ahalalana ny rariny; **10** Ary noho izany dia hoy izaho: Aoka samy hihaino ahy; Izaho koa mba hanambara izay fantatro. **11** Indro, niandry ny teninareo aho, ary nandinika ny teny nalahatrareo, mandra-pihevitrareo izay holazaina; **12** Eny, nihaino dia nihaino anareo aho, fa he! tsy nisy naharesy lahatra an' i Joba ianareo, na nahavaly ny teniny akory; **13** Fandrao ianareo hanao hoe: Hitanay ny fotony: Andriamanitra no maharesy azy, fa tsy olona. **14** Tsy nandaha-teny hamely ahy anefa izy; Ary tsy araka ny teninareo no havaliko azy. **15** Very hevitra terỳ izy ireo, ka tsy namaly intsony; Efa nanalavitra azy ny teny. **16** Hangina va aho, raha tsy miteny izy ireo, fa mijanona foana izy ka tsy mamaly intsony? **17** Anjarako kosa izao, koa dia hamaly aho; Eny, izaho hanambara izay fantatro; **18** Fa feno teny ny foko; Manery ahy ny fanahy ato anatiko. **19** Endrey! ny ato anatiko dia efa tahaka ny divay izay tsy misy hiainana, efa ho triatra tahaka ny siny hoditra vaovao izy. **20** Hiteny aho mba hisy hiainako tsara; Hiloa-bava aho ka hamaly. **21** Aoka tsy hizaha tavan' olona akory aho, ary aoka tsy handrobo olona. **22** Fa tsy mba mahay mandrobo aho; Raha izany, dia halain' ny Mpanao ahy faingana aho.

33 Kanefa, masìna ianao, ry Joba; mihainoa ny alahatro, ary mandrenesa ny teniko rehetra. **2** Indro, fa efa niloa-bava aho, Miteny ato am-bavako ny lelako. **3** Ny hitsim-poko no hiseho amin' ny teniko; Ary ny fahalalan' ny molotro no holazaina tsy hasiana fitaka. **4** Ny Fanahin' Andriamanitra no efa nanao ahy, ary ny fofonain' ny Tsitoha no mamelona ahy. **5** Raha hainao, valio ary aho, miomàna ianao, ka miatreha tsara. **6** Indro, izaho koa mba an' Andriamanitra: tahaka anao ihany; Eny, izaho koa mba nosombinana avy tamin' ny tanimanga. **7** Indro, ny fampahatahorako tsy dia hampahatahotra anao, ary ny vesatra avy amiko tsy dia hitambesatra aminao. **8** Efa nilaza teo anatrehako mihitsy ianao, ary efa reko ihany ny feon' ny teninao hoe: **9** Madio tsy manam-pahadisoana aho, ary tsy manan-tsiny aman-keloka; **10** He! mitady izay handrafiany ahy Andriamanitra, ary ataony fahavalony aho; **11** Mampiditra ny tongotro eo amin' ny boloky hazo Izy ary mitsikilo ny diako rehetra. **12** He! izany no tsy mahamarina anao, hoy izaho; Fa Andriamanitra dia lehibe loatra ka tsy leon' ny zanak' olombelona. **13** Koa nahoana no manome tsiny Azy ianao noho ny tsy nampisehoany izay antony amin' ny ataony? **14** Kanefa misy fanao iray itenenan' Andriamanitra, eny, fanao roa aza, nefa tsy tandreman' ny olona izany, **15** Dia ny nofy sy ny tsindrimandry amin' ny alina, raha sondrian-tory ny olona ka renoka eo am-pandriana, **16** Dia manokatra ny sofin' ny

olona Izy ka manisy tombo-kase ny fananarany azy, **17** Mba hampiala ny olona amin' ny fanaony, sy hampifady azy ny fireharehana. **18** Miaro ny fanahiny tsy ho any an-davaka Izy, ary ny ainy mba tsy ho voan' ny fiadiana. **19** Anarina amin' ny fanaintainana eo am-pandriany koa izy sy amin' ny fikotrankotran' ny taolany lalandava; **20** Ary ny ainy marikorikon-kanina, eny, na dia ny hanim-py aza tsy tian' ny fanahiny. **21** Mihena ny nofony ka tsy hita, ary mitranitrany ny taolany izay tsy hita teo; **22** Dia manakaiky ny lavaka ny fanahiny, ary ny ainy manatona ny mpaka aina. **23** Raha misy Anjely ho Mpanalalana ho azy, iray amin' ny arivo, hanoro izay tokony halehan' ny olona, **24** Ary hamindra fo aminy ka nanao hoe: Vonjeo izy mba tsy hidina any an-davaka, fa efa nahita avotra Aho, **25** Dia ho tsara noho ny an' ny tanora ny nofony, hody ho toy ny tamin' ny andro nahatanorany izy; **26** Hivavaka amin' Andriamanitra izy ka hankasitrahany ary hahita ny havany amin' ny hafaliana, fa hampodiny amin' ny zanak' olombelona ny fahamarinany. **27** Dia hihira izy hilaza amin' ny olona hoe: Efa nanota aho, fa nanao ny rariny ho heloka, kanefa tsy novaliana araka ny nataoko; **28** Fa navotany ny fanahiko mba tsy hivarina any an-davaka, ary mifaly ny aiko amin' ny fahitana ny mazava. **29** Indro, izany rehetra izany no ataon' Andriamanitra indroa amin' ny olona, eny, intelo aza, **30** Mba hamerina ny fanahiny tsy ho any an-davaka, mba hihazavany amin' ny fahazavan' aina. **31** Tandremo, ry Joba, ka mihainoa ahy; Mangìna kely aloha ianao, fa izaho mbola hiteny. **32** Raha manan-kavaly ianao, dia mamalia ahy ihany; Mitenena, fa ta-hanamarina anao aho; **33** Fa raha tsy manan-kavaly ianao, dia mihainoa ahy kosa; Mangìna tsara, fa hampianariko fahendrena ianao.

34 Ary mbola niteny ihany Eliho ka nanao hoe: **2** Mandrenesa ny teniko, ianareo olon-kendry; Ary mihainoa ahy, ianareo manam-pahalalana. **3** Fa ny sofina no mamantatra teny, Ary ny vava no manandrana hanina. **4** Koa aoka izay rariny no hodinihintsika, ary aoka hiara-mamantatra izay tsara isika. **5** Fa Joba efa nanao hoe: Marina aho, saingy nesorin' Andriamanitra tamiko ny rariny; **6** Marina ny ahy, nefa ampandaingainy aho; Mahafaty ny zana-tsipìka mitsatoka amiko, na dia tsy manam-pahadisoana aza aho. **7** Aiza moa no misy lehilahy tahaka an' i Joba, izay manaram-po amin' ny famingavingana toy ny fisotro rano. **8** Ary tonga naman' ny mpanao ratsy sady miara-mandeha amin' ny ratsy fanahy? **9** Fa hoy izy: Tsy mahasoa ny olona ny mihavana amin' Andriamanitra. **10** Koa amin' izany mihainoa ahy, ianareo manam-panahy: Lavitra an' Andriamanitra ny hanao ratsy! Ary lavitra ny Tsitoha ny hanao meloka! **11** Fa ny nataon' ny olona ihany no ampanodiaviny azy, ka mamaly ny olona rehetra araka ny lalany avy Izy. **12** Eny tokoa, Andriamanitra tsy manao ratsy mihitsy, ary ny Tsitoha tsy mba mamadika ny rariny. **13** Iza moa no nanendry Azy ho Mpiadidy ny tany? Ary iza no nanorina izao tontolo izao? **14** Raha tàhiny ny tenany ihany no heveriny, ka hangoniny ho ao aminy ny fanahiny sy ny fofonainy, **15** Dia hiala avokoa ny ain' ny nofo rehetra, ary hiverina amin' ny vovoka ny olona. **16** Raha manam-pahalalana ianao, dia mandrenesa izao, ka mihainoa ny teniko **17** Moa mahay mifehy va izay tsy tia rariny? Ary Ilay marina sady mahery va no hohelohinao? **18** (Mety va ny miteny amin' ny mpanjaka hoe: Olom-poana ianao! Ary amin' ny zanak' andriana: Ry ilay ratsy!), **19** Dia Ilay tsy mizaha ny tavan' ny lehibe, ary tsy manaja ny ambony mihoatra noho ny ambany, satria samy asan' ny tànany avokoa izy rehetra. **20** Maty amin' ny indray mipi-maso monja amin' ny mamatonalina ireny; Eny, ringana ny olona ka tsy ao intsony; Ary ny mahery dia lasa tsy esorin-tanana. **21** Fa ny mason' Andriamanitra dia mijery ny alehan' ny olona, ary mahita ny diany rehetra Izy. **22** Tsy misy aizina na alim-pito, Izay hieren' ny mpanao ratsy. **23** Fa Andriamanitra tsy mba miandry aloha vao mandinika ny olona Izay tonga hotsaraina eo anatrehany. **24** Manorotoro ny olona mahery Izy, na dia tsy manadina aza, ka manangana olon-kafa hisolo azy. **25** Koa hita amin' izany fa fantany ny asan' ireo, ka dia mamono azy amin' ny alina ho torotoro Izy. **26** Tehafiny tanana tahaka ny fanao amin' ny ratsy fanahy ireo eo imason' ny vahoaka. **27** Izao no nialan' ireo tamin' Andriamanitra ka tsy nitandremany ny lalany akory, **28** Dia ny mba hahatonga ny fitarainan' ny malahelo eo anatrehany ka hampandre Azy ny fitarainan' ny ory. **29** Mangìna Izy, ka iza no mahay manameloka? Ary manafin-tava Izy (ka iza no mahajery Azy?), na amin' ny firenena, na amin' ny olona tsirairay, **30** Mba tsy hanjakan' ny ratsy fanahy, ary tsy ho voafandrika ny vahoaka. **31** Fa moa mba efa nisy niteny tamin' Andriamanitra va nanao hoe: Efa nanandra-tena aho ka tsy hanao ratsy intsony; **32** Izay tsy hitako mba ampianaro ahy; Raha nanao ratsy aho, dia tsy hanao intsony? **33** Moa araka ny hevitrao va no hamaliany ny ataon' ny olona, no efa nandà ianao? Fa ianao no mifidy, fa tsy izaho, koa izay fantatrao no ambarao. **34** Ny olona manam-panahy hilaza amiko, ary ny olon-kendry izay mihaino ahy hanao hoe: **35** Miteny tsy amim-pahalalana Joba, ary ny teniny tsy amim-pahendrena. **36** Enga anie ka hizahan-toetra mandrakariva Joba noho ny famaliana ataony araka ny fanaon' ny ratsy fanahy! **37** Fa ampiany fihaikana koa ny fahotany; Miteha-tanana eto amintsika izy ka manao teny maro ho enti-miady amin' Andriamanitra.

35 Ary mbola niteny ihany Eliho ka nanao hoe: **2** Ataonao va fa marina ny nanaovanao hoe: Ny fahamarinako mihoatra noho ny an' Andriamanitra? **3** Fa hoy ianao: Mahasoa ahy manao ahoana moa? Ary inona no soa azoko mihoatra noho ny avy amin' ny fahotako? **4** Izaho no hiteny hamaly anao Mbamin' ny namanao. **5** Jereo ary ny lanitra ka izahao; Ary tsinjovy iry habakabaka, avo loatra iny ka tsy takatrao. **6** Raha manota ianao, moa mahefa inona aminy? Ary raha maro ny fahotanao, mampaninona Azy moa izany? **7** Raha marina ianao, dia hahazoany inona moa izany? Na inona no horaisiny avy amin' ny tananao? **8** Mihatra amin' ny olona tahaka anao ihany ny ratsy ataonao; Ary mihatra amin' ny olombelona ihany ny fahamarinanao. **9** Noho ny habiazan' ny fampahoriana no itarainan' ny olona; Eny, minananana izy noho ny sandrin' ny mahery, **10** Nefa

tsy misy manao hoe: Aiza Andriamanitra, Mpanao ahy, Izay mahatonga fiderana amin' ny alina, **11** Izay manome fahalalana antsika mihoatra noho ny an' ny biby ambonin' ny tany, dia Izay manome fahendrena antsika mihoatra noho ny an' ny voro-manidina? **12** Eny, mitaraina mafy ireo (fa tsy mamaly Izy) noho ny fireharehan' ny ratsy fanahy. **13** Ny fitarainam-poana dia tsy mba henoin' Andriamanitra, ary ny Tsitoha tsy mandinika izany. **14** Na dia lazainao fa tsy mahita azy aza ianao, efa mby eo anatrehany ny ady, koa tsy maintsy miandry Azy ianao. **15** Koa raha saingy tsy mihatra ny fahatezerany, moa dia tsy fantany tsara koa va ny fihaikana? **16** Mba miloa-bava foana anefa Joba ary manao teny maro tsy amim-pahalalana.

36 Ary mbola nandroso niteny ihany Eliho ka nanao hoe: **2** Mahareta kely amiko, dia hambarako aminao, fa mbola misy teny holazaina hanamarina an' Andriamanitra. **3** Halaiko avy lavitra ny fahalalako, ka hanamarina ny Mpanao ahy aho. **4** Fa tsy lainga tsy akory ny teniko; Lehilahy tanteraka amin' ny fahalalana no eto aminao. **5** Indro, lehibe Andriamanitra, kanefa tsy mba mamingavinga, lehibe amin' ny herin' ny fahalalana Izy. **6** Tsy mitsimbina ny ain' ny ratsy fanahy Izy, fa manome rariny ho an' ny ory. **7** Tsy mampiala ny masony amin' ny marina Izy; Eo amin' ny mpanjaka ambonin' ny seza fiandrianany no ampitoerany azy ho mandrakizay, ka dia tafasandratra. **8** Ary raha voafatotra amin' ny gadra izy sy voafehy amin' ny tadin' ny fahoriana. **9** Dia ambarany azy ny asany sy ny fahotany, fa efa nanandra-tena izy ireny. **10** Dia manokatra ny sofiny hihaino fananarana Izy ka mandidy azy hibebaka hiala amin' ny ratsy. **11** Raha mihaino ka manaiky Azy Izy, dia lany amin' ny fiadanana ny androny, ary ny taonany amin' ny fahafinaretana **12** Fa raha tsy mihaino kosa izy, dia ho voan' ny fiadiana ka ho faty tsy amim-pahalalana. **13** Fa ny mpihatsaravelatsihy dia mirakitra fahatezerana; Tsy mitaraina izy, na dia afatony aza; **14** Ka dia maty raha mbola tanora izy, eny, afaka ny ainy eo amin' ny olom-betaveta, **15** Fa ny fahorian' ny ory kosa no entin' Andriamanitra mamonjy azy, Ary ny manjo azy no entiny manokatra ny sofiny. **16** Ary na dia ianao aza dia ampialainy amin' ny fahaterena ho amin' ny malalaka izay tsy misy mahatery; Ary ny matavy indrindra no aroso ho eo ambonin' ny latabatrao. **17** Nefa raha fatra-pikikitra amin' ny adin' ny ratsy fanahy ianao, dia hihazona anao ny ady sy ny fanamelohana; **18** Aoka tsy hamporisika anao hiteny ratsy ny fahatezerana, ary aoka tsy hampivily hevitra anao ny halehiben' ny avotra. **19** Moa hahatonga anao ho ao amin' izay tsy misy fahoriana va ny fitarainanao na izay rehetra tratry ny fahatanjahana? **20** Aza irinao ny hihavian' ny alina, izay ampialana ny olona amin' ny fitoerany. **21** Tandremo, aza mivily ho amin' ny ratsy; Fa saingy ozoim-pahoriana ianao, dia mifidy izany. **22** Indro, Andriamanitra miasa amin' ny heriny mampiseho ny fisandratany; Iza no mba mpampianatra tahaka Azy? **23** Iza no efa nandidy Azy ny amin' izay lalan-kalehany? Ary iza no efa nilaza taminy hoe: Efa nanao ratsy Hianao? **24** Tsarovy ny hankalaza ny asany, Izay efa nataon' ny olona an-kira. **25** Fa faly mahita izany ny olona rehetra; Ary jeren' ny zanak' olombelona eny lavitra eny izany. **26** Indro, lehibe Andriamanitra, ka tsy takatry ny saintsika Izy; Ary tsy hita isa ny taonany. **27** Fa mampisavoana ny rano Izy, dia milatsaka ho ranonorana aman-javona izany, **28** Izay aidin' ny rahona ka alatsany amin' ny olona maro be. **29** Ary koa, iza moa no mahalala ny amin' ny fivelatry ny rahona sy ny fikotrokotroka ao andainy? **30** Indro, mamelatra ny fahazavany eo amboniny Izy ary manao ny fanambanin' ny ranomasina ho firakofany. **31** Fa ireny zavatra ireny no itsarany ny firenena sady anomezany hanina betsaka. **32** Mifono fahazavana ny tànany, ary baikoiny iny mba hahavoa ny fahavalony; **33** Ny fikotrokotrony dia manambara Azy, ary ny omby aman' ondry koa aza milaza ny hihaviany.

37 Eny, izany no mampitepotepo ny foko ka mampiemponempona azy hiala amin' ny fitoerany. **2** Mihainoa dia mihainoa ny fikotrokotroky ny feony sy ny rohona izay mivoaka avy amin' ny vavany. **3** Mandefa izany ho eny ambanin' ny lanitra rehetra Izy, ary ny helatra hatramin' ny faran' ny tany. **4** Manarakaraka izany, dia misy feo mirohondrohona; Mampikotrokotroka ny feon' ny fahalehibiazany Izy, ka rehefa re ny feony, dia tsy sakanany ny helatra. **5** Mahagaga ny fikotrokotrok' Andriamanitra amin' ny feony; Manao zava-dehibe tsy takatry ny saintsika Izy. **6** Fa ny oram-panala baikoiny hoe: Milatsaha eny ambonin' ny tany ianao; Ary toy izany koa ny ranonorana mivatravatra, eny, dia ny ranonorany mivatravatra mafy. **7** Mampiohona ny tanan' ny olona rehetra Izy, mba samy hahalala izany ny olona rehetra izay nataony; **8** Ary miditra ao am-piereny koa ny bibidia ka mamitsaka ao andavany. **9** Avy any atsimo ny tadio, ary entin' ny rivotra avy any avaratra ny hatsiaka. **10** Ny fofonain' Andriamanitra mahamisy ranomandry, ka voageja ny rano malalaka. **11** Ny rahona matevina tambesarany rano, ary ny rahon' ny helatra dia ampieleziny; **12** Dia mihodinkodina araka ny fitarihany azy ireo hanatanteraka izay rehetra andidiany azy eny ambonin' ny tany eran' izao tontolo izao, **13** Na alatsany ho famaizana raha tokony ho an' ny taniny izany na ho famindram-po kosa. **14** Mihainoa izany, ry Joba; Mijanona, ka mba diniho ny fahagagana ataon' Andriamanitra. **15** Fantatrao va ny fanamboaran' Andriamanitra ireny sy ny fampitselatselany ny helatry ny rahony? **16** Fantatrao va ny fihevahevan' ny rahona matevina, dia ny fahagagana avon' Ilay tanteraka amin' ny fahalalana? **17** Hianao izay mahatsiaro ny fitafianao ho mafana, raha migaingaina ny andro azon' ny rivotra avy any atsimo, **18** Moa ianao niarana-nao taminy va, raha namelatra ny habakabaka Izy, izay mitoetra mafy toy ny zavatra manganohano natao an-idina? **19** Mba ampianaro anay ary izay holazainay aminy; Fa tsy hitanay izay halahatray noho ny aizina, **20** Holazaina aminy va, raha miteny aho? Moa misy olona maniry ho levona tokoa va? **21** Tsy hita ankehitriny ny mazava, Izay mamirapiratra any amin' ny rahona: Nefa raha mandalo ny rivotra, dia mampisava azy ihany izany. **22** Avy any avaratra no ihavian' ny mazava mitarehim-bolamena; Ao amin' Andriamanitra ny voninahitra mahatahotra. **23** Ny

Tsitoha, tsy mahita Azy isika; Izay lehibe amin' ny hery sy ny fitsarana mbamin' ny fahamarinana tanteraka dia tsy mba mampahory. **24** Koa izany no atahoran' ny olona Azy; Tsy mety mijery izay manao azy ho hendry Izy.

38 Ary teo anatin' ny tafio-drivotra Jehovah dia namaly an' i Joba ka nanao hoe: **2** Iza moa izato manao izay hahamaizina ny fisainana amin' ny teny tsy misy fahalalana? **3** Misikìna ary tahaka ny lehilahy; Fa hanadina anao Aho, ka valio: **4** Taiza ary ianao, fony Aho nanorina ny tany? Ambarao, raha hainao. **5** Iza ary no nandidy izay ho refiny, raha fantatrao? Ary iza no nanenjana ny famolaina teo aminy? **6** Teo amin' inona no nanorenana ny vodi-andriny, ary iza no nametraka ny vato fehizorony, **7** Raha niara-nihira ny kintan' ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra? **8** Ary iza no nanao varavarana misakana ny ranomasina, raha nibosesika nivoaka avy tany am-bohoka izy, **9** Raha nanao ny rahona ho fitafiany Aho ary ny aizim-pito ho fonony, **10** Ary nandidy ny ho fetrany sady nanisy hidy sy varavarana **11** Ka nanao hoe: Hatreto no azonao androsoana ka tsy hihoatra, ary eto no hampijanonana ny fisafoaky ny onjanao? **12** Hatrizay niainanao moa mba efa nandidy ny maraina va ianao? Efa notoroanao ny fitoerany va ny fipoak' andro, **13** Mba horaisiny ny sisin' ny tany. Ka hakopakopany hiala ny ratsy fanahy? **14** Ary hiova tahaka ny tanimanga tombohin-kase ny endriny, ka hiseho tahaka ny lamba misoratra ny tarehiny, **15** Ary hosakanana ny fahazavan' ny ratsy fanahy, ka ho tapaka ny sandry naingaina. **16** Moa efa niditra hatrany amin' ny loharanon-dranomasina va ianao, ary efa nandehandeha tany amin' ny fanambanin' ny lalina? **17** Moa efa naharihary taminao va ny vavahadin' ny fahafatesana? Ary efa hitanao va ny vavahadin' ny aloky ny fahafatesana? **18** Moa efa voadinikao ny hatrany amin' ny fahalalahan' ny tany? Ambarao ary, raha fantatrao izany rehetra izany. **19** Aiza ary no lalana ho any amin' ny fonenan' ny mazava? Ary aiza no fitoeran' ny maizina? **20** Mba hitondranao izany ho amin' ny faran' ny alehany, ary ho fantatrao ny lalana ho any an-tranony. **21** Eny, fantatrao mantsy izany, satria efa teraka ianao tamin' izay, ary maro ny isan' ny andronao! **22** Moa efa niditra tany amin' ny firaketana ny oram-panala va ianao? Ary efa hitanao va ny firaketana ny havandra, **23** Izay voatahiriko ho amin' ny andro fahoriana, dia ny andro misy ady sy tafika? **24** Aiza moa no lalana izarazarana ny mazava sy ielezan' ny rivotra avy any atsinanana ho etỳ ambonin' ny tany? **25** Iza moa no nihady lalan-drano ho an' ny ranonorana mirotsaka be, sy lalan-kaleha ho an' ny helatry ny kotrokorana, **26** Handatsaka ranonorana ambonin' ny tany izay tsy itoeran' olona, dia any amin' ny efitra tsy misy mponina, **27** Mba hahavonto ny efitra sy ny tany foana, ary hampitsimoka ny ahitra vao mitsiry? **28** Manan-dray va ny ranonorana? Ary iza kosa no miteraka ny ranon' ando? **29** Kibon' iza moa no nihavian' ny ranomandry? Ary ny vongam-panala avy amin' ny lanitra, iza no niteraka azy? **30** Tonga mafy toy ny vato ny rano, Ary mitambatra ny fanambonin' ny lalina. **31** Mahavona ny kofehin' ny Ikotokelimiadilaona va ianao, ary mahavaha ny Telonohorefy? **32** Mahavoaka ny Mazarota amin' ny fotoany va ianao? Ary mahatondra ny Bera mbamin' ny zanany va ianao? **33** Fantatrao va ny lalàn' ny lanitra? Ary manendry ny fanapahan' ireny ny tany va ianao? **34** Mahasandratra ny feonao ho amin' ny rahona matevina va ianao, Mba hanafotra anao ny rano mandriaka? **35** Mahay mandefa ny helatra va ianao, ka ho avy ireo hilaza aminao hoe: Indreto izahay? **36** Iza moa no nanao ny rahona matevina ho fitoeram-pahendrena, Ary irery miseho erỳ an-danitra ho fampisehoana ny fahalalana? **37** Iza moa no manam-pahendrena mahisa ny rahom-potsy manify? Ary iza no mahatankina ny fitoeran-dranon' ny lanitra, **38** Hitambaran' ny vovoka ho dilatra sy hivonganany ho bainga? **39** Mahay mihaza toha ho an' ny liom-bavy va ianao, sy mahafaka ny fahalianan' ny liona tanora, **40** Raha mamitsaka ao amin' ny fitoerany izy ary manotrika ao amin' ny kirihitrala? **41** Iza moa no manome hanina ny goaika, raha mitaraina amin' Andriamanitra ny zanany ka mirenireny tsy mahita hanina?

39 Fantatrao va ny fotoana fiterahan' ny osi-dia any amin' ny harambato? Voahevitrao va ny fiterahan' ny dieravavy? **2** Mahisa ny andro ahatanterahany va ianao? Ary fantatrao va ny fotoana fiterahany? **3** Miondrika izy ka teraka, sady alefany ny fahararian y. **4** Donga ny zanany, mihalehibe any an-efitra ireny; Mivoaka izy ka tsy mety miverina intsony. **5** Iza moa no nandefa ny boriki-dia ho karenjy? Ary iza no namaha ny fatoran' ny boriki-dia, **6** Izay nomeko ny tani' hay ho fitoerany ary ny tanin-tsira ho fonenany? **7** Ihomehezany ny fitabatabana ao an-tanàna; Tsy ahoany akory ny fiantsoantson' ny mpampandeha; **8** Any an-tendrombohitra rehetra any no fihinanany, ary mitady ny zava-maitso rehetra izy. **9** Mba mety manompo anao va ny ombimanga na handry ao am-pahitrao amin' ny alina? **10** Mahafatotra ny ombimanga amin' ny mahazaka ho ao am-bavasanao va ianao? Na mety manaraka anao handravona bainga any an-dohasaha va izy? **11** Azonao itokiana va izy satria lehibe ny heriny? Ary havelanao hataony va ny asanao? **12** Azonao itokiana hitondra ny varinao mody va izy sy hanangona izany ho eo am-pamoloanao? **13** Mikopakopaka noho ny fifaliana ny elatry ny ostritsa; Nefa mahalemy fanahy azy va ny elany sy ny volony? **14** Tsia, fa mandao ny atodiny ao amin' ny tany izy ka mamela azy ho afanain' ny vovoka, **15** Ary tsy ahiny izay ho voaporitry ny tongotra ireo. Na ho voahitsaky ny bibi-dia. **16** Tsy tia ny zanany izy fa ataony hoatra ny tsy azy ireny; Efa very foana izay nisasarany, nefa tsy ahoany akory izany; **17** Fa efa nampanadinoin' Andriamanitra ny fahendrena izy, ary Tsy nomeny anjara fahalalana. **18** Raha mikopakopak' elatra toa hanidina izy, dia ihomehezany ny soavaly sy ny mpitaingina azy. **19** Moa manome hery ny soavaly va ianao, na manarona vombo mihofahofa ny vozony? **20** Mahay mampitsipika azy tahaka ny valala va ianao? Mahatsiravina ny hamafin' ny fiefonefony! **21** Mihehy ao amin' ny lohasaha izy ka mifalifaly noho ny heriny; Mandroso hanetra ny ady izy. **22** Mihomehy ny tahotra izy, fa tsy mety mivadi-po. Ary tsy mianotra amin' ny sabatra. **23** Mifioka eny amboniny ny zana-tsipìka sy

ny lefona manelatselatra ary ny lefom-pohy. **24** Miriotra mafy amin' ny fahavinirana sy ny fahatezerana izy ka tsy mety mijanona intsony, rehefa maneno ny anjomara. **25** Na oviana na oviana no anenoan' ny anjomara dia mihiaka izy. Ary manimbolo ny ady izy, raha mbola lavitra, dia ny akoralava sy ny fitabataban' ny manamboninahitra. **26** Ny fahendrenao va no mampanidina ny hitsikitsika sy mampamelatra ny elany hianatsimo? **27** Noho ny didinao va no iakaran' ny voromahery sy anaovany ny akaniny eny an-dringiringy? **28** Eny amin' ny harambato no itoerany sy anaovany ny akaniny, dia eo an-tampon' ny harambato sy ao amin' ny fiarovana. **29** Any no itazanany remby; Mahatsinjo lavitra ny masony. **30** Mitsentsitra rà ny zanany, ary izay itoeran' ny faty dia any izy.

40 Ary Jehovah mbola namaly an' i Joba nanao hoe: **2** Hiady amin' ny Tsitoha va io mpanadidy Azy io? Aoka ny mananatra an' Andriamanitra no hamaly! **3** Ary Joba dia namaly an' i Jehovah ka nanao hoe: **4** Indro, tsinontsinona, aho ka inona no azoko avaly Anao? Hitampim-bava aho izao. **5** Efa niteny indray mandeha aho, ka tsy hamaly intsony; Eny, indroa aza, fa tsy hanampy teny intsony aho. **6** Dia namaly an' i Joba teo amin' ny tafio-drivotra Jehovah ka nanao hoe: **7** Misikìna tahaka ny lehilahy; Fa hanadina anao Aho, ka ampahafantaro Aho: **8** Hanaisotra ny rariny amiko va ianao? Hanameloka Ahy va ianao, mba hanamarina ny tenanao kosa? **9** Manan-tsandry tahaka ny an' Andriamanitra va ianao? Ary mahay mampikotrokotro-peo tahaka ny Azy va ianao? **10** Miravaha fahalehibiazana sy tabiha ianao, ary mitafia famirapiratana sy voninahitra; **11** Alefaso ny fahatezeranao mirehitra; Ary jereo ny avonavona rehetra, ka ampietreo. **12** Eny, jereo ny avonavona rehetra, ka aongàny; Ary apotrahy eo amin' ny fitoerany ihany ny ratsy fanahy. **13** Asitriho ao amin' ny vovoka avokoa izy rehetra; Sarony ao amin' ny fiafenana ny tavany. **14** Fa Izaho kosa dia hidera anao, Satria mahavonjy anao ny tananao ankavanana. **15** He! jereo ange ny behemota, izay nataoko tahaka ny nanaovako anao ihany: Mihinana ahitra tahaka ny omby izy. **16** Indro, eo amin' ny valahany ny heriny, ary eo amin' ny ozatra amin' ny kibony ny tanjany. **17** Henjaniny ny rambony ho tahaka ny hazo sedera; Mifaniditridra ny ozatra amin' ny feny **18** Ny taolany dia tahaka ny fantsom-barahina, eny, tahaka ny anja-by ny taolany. **19** Voalohany amin' ny asan' Andriamanitra izy; Ny Mpanao azy no nanome sabatra azy. **20** Mamoaka hanina ho azy ny tendrombohitra, izay ilalaovan' ny bibi-dia rehetra; **21** Eo ambanin' ny hazo lota no andriany, any am-pierena anaty zozoro sy fotaka. **22** Manalokaloka azy ny hazo lota; Ary ny hazomalahelo eny amoron' ny ony no manodidina azy **23** Indro, na dia maria aza ny ony, tsy manahy izy; Matoky izy, na dia misy Jordana migorodana amin' ny vavany aza. **24** Moa misy mahasambotra azy va, raha mihiratra ny masony? Raha azon' ny fandrika izy, misy mahatsindrona ny orony va?

41 Mahasarika ny mamba amin' ny farango va ianao, na mahafatotra ny lelany amin' ny mahazaka? **2** Mahisy tady zozoro amin' ny orony va ianao, na mahaboroaka ny valanoranony amin' ny fintana? **3** Hifon-jato amin' arivo aminao va izy, na hanao teny malefaka aminao? **4** Hanao fanekena aminao va izy? Azonao alaina ho andevonao mandrakizay va izy? **5** Hilalao azy tahaka ny filalao voron-kely va ianao? Ary hamatotra azy ho an' ny zazavavy ao aminao va ianao? **6** Hataon' ny mpaka hazandrano varotra va izy, ka hotsinjarainy amin' ny mpandranto? **7** Mahafeno lefom-pohy ny hodiny va ianao, na firombaka amin' ny lohany? **8** Atehefo aminy ange ny tananao; Raha tsaroanao ny ady, dia tsy hanindroa intsony ianao. **9** Indro, foana ny fihendrena azy; Tsy mahakivy va na dia ny fijery azy aza? **10** Tsy misy sahy manao vi-very hanaitra azy; Koa iza kosa no mahajanona eo anatrehako? **11** Iza no nanome Ahy aloha mba hamaliako azy? Ny eny ambanin' ny lanitra rehetra dia Ahy avokoa. **12** Tsy mbola hangina Aho ny amin' ny momba ny tenany sy ny heriny ary ny fahatsaran' ny endriny. **13** Iza no mahasonga ny fitafiany anoloany? Na iza no sahy hiditra ao amin' ny nifiny roa sosona? **14** Iza no mahasokatra ny varavaran' ny tavany? Mahatsiravina ny nifiny manodidina! **15** Reharehany ny faharaoraon' ny kirany, mihidy avokoa toy ny voapetaka mafy amin' ny tombo-kase ireo; **16** Mikirindro ireo, ka tsy azon' ny rivotra idirana eo anelanelany. **17** Mifanindry lany ireo sady mifaniditra ka tsy azo sarahina, **18** Ny fieviny dia mampamirapiratra fahazavana, ary ny masony dia tahaka ny hodimason' ny maraina. **19** Lelafo no mivoaka avy amin' ny vavany; Kilalaon' afo no mipariaka avy aminy. **20** Ny vavorony dia ivoahan' ny setroka, tahaka ny avy amin' ny vilany mangotraka, na amin' ny fahandroana. **21** Ny fofonainy mampirehitra arina, ary misy lelafo mivoaka avy amin' ny vavany. **22** Ny vozony no itoeran' ny hery; Ary mibitaka eo alohany ny fampahatahorana. **23** Mivalombalona ny hotraka amin' ny tenany; Mafy ireny ka tsy azo endahana. **24** Mafy tahaka ny vato ny fony; Eny, mafy tahaka ny vato fikosoham-bary. **25** Raha mitsangana izy, dia raiki-tahotra ny mahery; Eny, toran-kovitra ireo ka tsy mahavoa. **26** Raha misy mamely azy amin' ny sabatra dia tsy mahalaitra, na amin' ny lefom-pohy, na ny firombaka, na ny zana-tsipìka. **27** Ataony toy ny mololo ny vy, ary toy ny hazo momoka ny varahina. **28** Tsy mampandositra azy ny zana-tsipìka; Ataony ho toy ny vodivary ny vaton' antsamotady. **29** Ataony ho toy ny vodivary koa ny langilangy; Ihomehezany ny fanetsehana ny lefona. **30** Ny takibany dia tahaka ny tavim-bilany maranitra; Mamelatra fivelezam-bary maranitra eo amin' ny fotaka izy. **31** Mampandevy ny lalina ho tahaka ny ao am-bilany izy; Manao ny ranomasina ho tahaka ny vilany misy menaka manitra izy. **32** Mampahazava ny lalany eo aoriany izy. Ataon' ny olona ho toy ny volo fotsy ny lalina. **33** Tsy misy tahaka azy eny ambonin' ny tany, izay voaforona tsy hahalala tahotra. **34** Ny avo rehetra jereny avokoa; Mpanjakan' ny bibi-dia rehetra izy

42 Ary Joba dia namaly an' i Jehovah ka nanao hoe: **2** Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra, ary tsy azo ferana ny fisainanao. **3** Iza no mahatakona ny fisainanao amin' ny tsi-fahalalana? Koa dia nilaza izay tsy fantatro aho, dia zava-mahagaga loatra amiko, izay

tsy takatry ny saiko. **4** Mifona aminao aho, mihainoa, fa
hiteny aho; Hanontany Anao aho, ka ampahafantaro. **5**
Fandrenesan' ny sofina ihany no nandrenesako Anao; Fa
ankehitriny izao kosa dia ny masoko no mahita Anao; **6**
Koa dia miaiky sy mibebaka Eto amin' ny vovoka sy ny
lavenona aho. **7** Ary rehefa voalazan' i Jehovah tamin'
i Joba izany teny izany, dia hoy koa Izy tamin' i Elifaza
Temanita: Mirehitra aminao sy ny sakaizanao roa lahy ny
fahatezerako satria tsy mba marina tahaka ny filàzan' i
Joba mpanompoko ny filàzanareo Ahy. **8** Koa ankehitriny
makà vantotr' ombilahy fito sy ondrilahy fito ho anareo, ary
mankanesa ao amin' i Joba mpanompoko, ka manatera
fanatitra dorana ho anareo; ary Joba mpanompoko no
hifona ho anareo, fa izy no hankasitrahako, fandrao hamaly
anareo araka ny fahadalanareo Aho, satria tsy marina
tahaka ny filàzan' i Joba mpanompoko ny filàzanareo Ahy.
9 Dia nandeha Elifaza Temanita sy Bildada Sohita ary
Zofara Namatita ka nanao araka izay nandidian' i Jehovah
azy; ary Jehovah dia nankasitraka an' i Joba. **10** Ary
Jehovah nampody ny fiadanan' i Joba, raha nivavaka ho
an' ny sakaizany izy, ka dia nanome azy indroa toraka izay
nananany fahiny Izy. **11** Dia avy ny rahalahiny rehetra sy
ny anabaviny rehetra ary ny olona rehetra izay fantany
fahiny ka nankao aminy ary niara-nihinana taminy tao an-
tranony ary nitsapa alahelo sady nampionona azy noho ny
fahoriana rehetra izay efa nahatran' i Jehovah taminy; ary
samy nanome azy vakim-bola iray avy sy kavim-bolamena
iray avy izy rehetra. **12** Ary Jehovah nitahy ny niafaran' i
Joba mihoatra noho ny voalohany ka nanana ondry aman'
osy efatra arivo amby iray alina sy rameva enina arivo sy
omby roa arivo ary borikivavy arivo izy. **13** Ary nanan-janaka
fito lahy sy vavy telo koa izy, **14** ka ny anaran' ny zokiny
nataony hoe Jemima, ary ny anaran' ny manarakaraka
Kezia, ary ny anaran' ny faravavy Kerena-hapoka. **15** Ary
tsy nisy vehivavy tsara tarehy tahaka ny zanakavavin' i
Joba hita tany amin' ny tany rehetra, ary niara-nomen-
drainy lova tamin' ny anadahiny izy. **16** Ary mbola velona
efa-polo amby zato taona Joba taorian' izany ka nahita ny
zananilahy sy ny zafiny ka hatramin' ny zafin-dohaliny aza.
17 Dia maty Joba, rehefa tratrantitra ka ela niainana.

Salamo

1 Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin' ny fisainan' ny ratsy fanahy, ary tsy mijanona eo amin' ny lalana falehan' ny mpanota, ary tsy mipetraka eo amin' ny fipetrahan' ny mpaniratsira; **2** Fa ny lalàn' i Jehovah no sitrany; eny ny lalàny no saintsaininy andro aman' alina. **3** Dia tahaka ny hazo ambolena eo amoron' ny rano velona izy, izay mamoa amin' ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo; ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa. **4** Fa tsy mba toy izany ny ratsy fanahy fa toy ny akofa aelin' ny rivotra izy. **5** Ary noho izany ny ratsy fanahy dia tsy hahajanona eo amin' ny fitsarana, na ny mpanota eo amin' ny fiangonan' ny marina. **6** Fa fantatr' i Jehovah ny lalan' ny marina, fa ny lalan' ny ratsy fanahy kosa dia mankany amin' ny fahaverezana.

2 Nahoana no mitabataba ny jentilisa, ary misaina anoano foana ny firenena? **2** Ireo mpanjakan' ny tany mitsangana, Ary ny mpanapaka miara-mioko hanohitra an' i Jehovah sy ny Mesiany ka manao hoe: **3** "Aoka hotosantsika ny famatorany, ka hariantsika hiala amintsika ny famehezany." **4** Izay mipetraka any an-danitra mihomehy, ny Tompo maneso ireo. **5** Dia hiteny azy amin' ny fahavinirany Izy ka hampangorohoro azy amin' ny fahatezerany hoe: **6** "Izaho kosa efa nanendry ny Mpanjakako Tambonin' i Ziona, tendrombohitro masìna." **7** "Hilaza zava-boatendry Aho; Jehovah nilaza tamiko hoe: Zanako Hianao, Izaho niteraka anao androany. **8** Mangataha amiko, dia homeko ho lovanao ny jentilisa ary ny faran' ny tany ho fanananao. **9** Hotorotoroinao amin' ny tehim-by izy: toy ny famaky vilany tany no hanamontsamontsananao azy." **10** Ary amin' izany dia hendre ianareo, ry mpanjaka; minoa anatra ianareo, ry mpitsaran' ny tany. **11** Manompoa an' i Jehovah amin' ny fahatahorana, ary mifalia amin' ny fangovitana. **12** Manoroha ny zanaka, fandrao ho tezitra izy, ka ho very eny an-dalana ianareo; fa vetivety dia hirehitra ny fahatezerany. Sambatra izay rehetra mialoka aminy.

3 Salamo nataon' i Davida, fony izy nandositra an' i Absaloma zanany. Jehovah ô, akory izato hamaroan' ny mampahory ahy! Maro no mitsangana hanohitra ahy. **2** Maro no milaza ny fanahiko hoe: tsy manam-pamonjena amin' Andriamanitra izy. (Sela) **3** Kanjo Hianao, Jehovah ô, no ampinga manodidina ahy, Voninahitro sy mpanandratra ny lohako. **4** Amin' ny feoko no iantsoako an' i Jehovah, ary any an-tendrombohiny masìna no mamaly ahy Izy. **5** Izaho nandry ka natory; nifoha aho, satria Jehovah no manohana ahy. (Sela) **6** Tsy hatahotra olona alinalina aho, izay milahatra manodidina hamely ahy. **7** Mitsangàna, Jehovah ô; vonjeo aho, Andriamanitro ô; fa efa namely ny takolaky ny fahavaloko rehetra Hianao; ny nifin' ny ratsy fanahy novakivakinao. **8** An' i Jehovah ny famonjena; Ho amin' ny olonao anie ny fitahianao. (Sela)

4 Ho an' ny mpiventy hira. Hampiarahina amin' ny valiha. Salamo nataon' i Davida. Raha miantso aho, mamalia ahy, ry Andriamanitry ny fahamarinako ô; Raha tao an-katerena aho, dia nohalalahinao toerana; Mamindrà fo amiko, ka henoy ny fivavako. **2** Ry lehibe, mandra-pahoviana no hataonareo ho henatra ny voninahitro, ary ho tia zava-poana sy hamoron-dainga ianareo? (Sela) **3** Kanefa aoka ho fantatrareo fa efa navahan' i Jehovah ho Azy ny tsara fanahy; Jehovah hihaino, raha miantso Azy aho. **4** Tezera, fa aza manota; mieritrereta eo am-pandrianareo, ka mangìna. (Sela) **5** Manatera fanati-pahamarinana, ary matokia an' i Jehovah. **6** Maro no niteny hoe: iza no haneho soa antsika? Asandrato aminay ny fahazavan' ny tavanao, Jehovah ô. **7** Efa nasianao fifaliana ny foko mihoatra noho ny tamin' ny taona nahabetsahan' ny variny sy ny ranom-boalobony. **8** Handry amin' ny fiadanana aho, ka dia hatory miaraka amin' izay, satria Hianao, Jehovah ô, no mampitoetra ahy mitokana irery tsy manana ahiahy.

5 Ho an' ny mpiventy hira. Hampiarahina amin' ny sodina. Salamo nataon' i Davida. Jehovah ô, henoy ny teniko; fantaro ny eritreritro. **2** Henoy ny feon' ny fitarainako, ry Mpanjakako sy Andriamanitro ô; fa Hianao no ivavahako. **3** Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko; maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho. **4** Fa tsy Andriamanitra mankasitraka izay ratsy Hianao; tsy hitoetra aminao ny ratsy. **5** Tsy hahazo mijanona eo imasonao ny mpirehareha; halanao ny mpanao ratsy rehetra. **6** Haringanao ny mpiteny lainga; ny olona mpandatsa-drà sy mpamitaka dia ataon' i Jehovah ho zava-betaveta. **7** Fa izaho kosa noho ny haben' ny famindram-ponao dia hiditra ao an-tranonao; hiankohoka manatrika ny lapanao masìna amin' ny fahatahorana anao aho. **8** Jehovah ô, tariho amin' ny fahamarinanao aho noho ny amin' ny mpampahory ahy; ataovy marina eo anoloako ny lalanao. **9** Fa tsy misy azo itokiana ny aloaky ny vavany; ny ao anatiny dia tena faharatsiana; fasana misokatra ny tendany. Mandambolambo ny lelany izy. **10** Helohy izy, Andriamanitra ô; Aoka ho lavon' ny saina ataony izy; Roahy izy noho ny haben' ny fahotany, satria efa niodina taminao. **11** Dia hifaly izay rehetra mialoka aminao, hihoby mandrakariva izy, koa miarova azy Hianao; ka dia ho ravoravo aminao izay tia ny anaranao. **12** Fa Hianao, Jehovah ô, mitahy ny marina; fankasitrahana no ataonao manodidina azy toy ny ampinga lehibe.

6 Ho an' ny mpiventy hira. Nampiarahina amin' ny valiha. Al-hasheminith. Salamo nataon' i Davida. Jehovah ô, aza ny fahatezeranao no ananaranao ahy, ary aza ny fahaviniranao no amaizanao ahy. **2** Mamindrà fo amiko, Jehovah ô, fa reraka aho; sitrano aho, Jehovah ô, fa mihozohozo ny taolako. **3** Ny fanahiko koa dia mangovitra loatra; fa Hianao, Jehovah ô, mandra-pahoviana? **4** Miverena, Jehovah ô, afaho ny fanahiko; Vonjeo aho noho ny famindram-ponao. **5** Fa tsy misy fahatsiarovana Anao any amin' ny fahafatesana, any amin' ny fiainan-tsi-hita iza no hidera Anao? **(Sheol h7585)** **6** Efa sasatry ny misento aho; mampitsinkafona ny farafarako isan' alina aho sady mahampo-dranomaso ny fandriako. **7** Lanin' alahelo ny masoko; efa pahina izy amin' ny ataon' ny mpampahory ahy

rehetra. **8** Mialà amiko, ianareo mpanao ratsy rehetra; fa Jehovah efa nandre ny feon' ny fitomaniako. **9** Jehovah efa nandre ny fangatahako; Jehovah no handray ny fivavahako. **10** Ho menatra sy hangovitra indrindra ny fahavaloko rehetra; hihodina izy ka ho menatra tampoka.

7 Sigaiona nataon' i Davida, izay nohirainy ho an' i Jehovah noho ny tenin' i Kosy Benjamita. Jehovah Andriamanitro ô, Hianao no ialofako; vonjeo aho amin' izay rehetra manenjika ahy, ka afaho; **2** Fandrao ny fanahiko viravirainy tahaka ny fanaon' ny liona, ary kepokepohiny, ka tsy misy mamonjy. **3** Jehovah Andriamanitro ô, raha nanao izany aho; raha misy heloka eto an-tanako; **4** Raha namaly ratsy izay tsara fihavanana tamiko aho, novonjeko aza izay nampahory ahy tsy ahoan-tsy ahoana **5** Dia aoka ny fahavalo hanenjika ny fanahiko ka hahatratra azy; eny, aoka izy hanitsaka ny aiko amin' ny tany, ary hampandry ny voninahitro amin' ny vovoka. (Sela) **6** Jehovah ô, mitsangàna amin' ny fahatezeranao; misandrata hisakana ny fisafoaky ny mpampahory ahy; ary mifohaza hanampy ahy, fa didy marina no navoakanao; **7** Aoka ny firenena maro hivory manodidina Anao; ary miverena ho any amin' ny avo eo amboniny Hianao, **8** Jehovah hitsara ny firenena; Jehovah ô, tsarao aho araka ny fahamarinako sy ny tsi-fananako tsiny. **9** Aoka ho tapaka ny ratsy ataon' ny ratsy fanahy, fa ampitoero kosa ny marina; fa Andriamanitra marina no mamantatra ny fo sy ny voa. **10** Ny ampingako dia ao amin' Andriamanitra, Mpamonjy ny mahitsy fo. **11** Mpitsara marina Andriamanitra, eny Andriamanitra Izay tezitra isan' andro. **12** Raha tsy ibebahana Izy, dia hanasa ny sabany; efa manenjana ny tsipìkany Izy ka manamboatra azy, **13** Ary ireo dia kendreny amin' ny fiadiana mahafaty; ny zana-tsipìkany ataony mirehitra. **14** Indro, efa marary hiteraka zava-poana ireo; eny, torontoronina fampahoriana izy ary mitera-doza; **15** Mihady lavaka izy ka manalalaka izany, dia latsaka ao anatin' ny longoa nataony ihany izy; **16** Mitsingerina ho eo an-dohany ihany ny fampahoriany; ary eo an-tampon-dohany ihany no ianjeran' ny loza nataony. **17** Hidera an' i Jehovah araka ny fahamarinany aho, ary hankalaza ny anaran' i Jehovah Avo Indrindra.

8 Ho an' ny mpiventy hira Al-hagitith. Salamo nataon' i Davida. Jehovah, Tomponay ô, endrey ny voninahitry ny anaranao amin' ny tany rehetra! nataonao eny amin' ny lanitra ny voninahitrao. **2** Avy amin' ny vavan' ny ankizy madinika sy ny minono no nanorenanao hery noho ny mpandrafy Anao, mba hampanginanao ny fahavalo sy izay ta-hamaly ratsy. **3** Raha jereko ny lanitrao, izay asan' ny rantsan-tananao, sy ny volana aman-kintana, izay noforoninao, **4** Inona moa ny olona, no ahatsiarovanao azy? Ary ny zanak' olombelona, no amangianao azy? **5** Fa efa nataonao ambany kely noho Andriamanitra izy, ary efa nosatrohanao voninahitra sy fiandrianana. **6** Efa nampanjakainao amin' ny asan' ny tananao izy; ny zavatra rehetra dia efa nataonao eo ambanin' ny tongony, **7** Dia ny ondry aman' osy sy ny omby rehetra, ary ny bibidia koa, **8** Mbamin' ny voro-manidina sy ny hazandrano any an-dranomasina, izay mandeha amin' ny lalan-dranomasina. **9** Jehovah Tomponay ô, endrey ny voninahitry ny anaranao amin' ny tany rehetra!

9 Ho an' ny mpiventy hira, Almoth-laben. Salamo nataon' i Davida. Hidera an' i Jehovah amin' ny foko rehetra aho; hanambara ny fahagaganao rehetra aho. **2** Ho faly sy ho ravoravo aminao aho; hankalaza ny anaranao aho ry Avo Indrindra ô, **3** Satria lasa nihodina ny fahavaloko, nirepirepy izy ka ringana tsy ho eo anatrehanao. **4** Fa efa nitsara ahy Hianao ka nanome ahy ny rariny; mipetraka eo amin' ny seza fitsaranao Hianao ho Mpitsara marina. **5** Efa nanarinao mafy ny jentilisa, efa naringanao ny ratsy fanahy, ny anarany efa nokosehinao ho faty mandrakizay doria. **6** Ny amin' ny fahavalo, dia tanteraka ho mandrakizay ny fandravàna azy; ary izay tanàna efa noravanao, dia very na dia ny fahatsiarovana azy aza. **7** Kanefa Jehovah mitoetra mandrakizay, efa nametraka ny sezany hitsarany Izy, **8** Ary Izy hitsara izao tontolo izao amin' ny fahamarinana, eny hitsara ny firenena amin' ny fahitsiana Izy. **9** Ka dia Jehovah no ho fiarovana avo ho an' ny mahantra, ho fiarovana avo amin' ny andro fahoriana Izy. **10** Ary hatoky Anao izay mahalala ny anaranao; fa tsy foinao izay mitady Anao, Jehovah ô. **11** Mankalazà an' i Jehovah, Izay mitoetra any Ziona; ambarao any amin' ny firenena ny asany. **12** Fa izay manadin-drà dia mahatsiaro ny ory; tsy manadino ny fitarainany Izy. **13** Mamindrà fo amiko, Jehovah ô; mitsinjova ny fahoriako avy amin' izay mankahala ahy, Ry Mpanandratra ahy ho afaka amin' ny vavahadin' ny fahafatesana, **14** Mba holazaiko avokoa ny fideràna Anao rehetra; eo am-bavahadin' i Ziona zanakavavy no hifaliako amin' ny famonjenao. **15** Ny jentilisa efa latsaka tamin' ny lavaka izay nohadiny, ny fandrika harato izay nafeniny efa nahazo ny tongony, **16** Jehovah efa nanao izay mampiseho ny tenany ho Mpitsara; namandrika ny ratsy fanahy tamin' ny asan' ny tànany Izy. **17** Hiverina ho any amin' ny fiainan-tsi-hita ny ratsy fanahy, dia ny jentilisa rehetra izay manadino an' Andriamanitra. **(Sheol h7585)** **18** Fa tsy ho mandrakizay no hanadinoana ny malahelo; ary tsy ho very mandrakizay ny fanantenan' ny mahantra. **19** Mitsangàna, Jehovah ô, aoka tsy hahery ny olona; aoka hotsaraina eo anatrehanao ny jentilisa. **20** Asio fampahatahorana izy, Jehovah ô; aoka ho fantatry ny jentilisa fa olona ihany izy. (Sela)

10 Jehovah ô, nahoana no mijanona eny lavitra eny Hianao ka miery amin' ny andro fahoriana? **2** Noho ny fireharehan' ny ratsy fanahy dia enjehina mafy ny malahelo; azon' ny fahendrena nataony izy ireny. **3** Ny ratsy fanahy mandoka izay irin' ny fony; ary ny mpierina mahafoy sy manamavo an' i Jehovah. **4** Ny ratsy fanahy mirehareha hoe: Tsy hanadina Izy; eny, "Tsy misy Andriamanitra" no tontalin-keviny. **5** Tanteraka mandrakariva ny alehany; any amin' ny avo lavitra azy ny fitsarànao; ny mpandrafy azy rehetra dia ataony hoe: zinona ireny? **6** Hoy izy am-pony: tsy hangozohozo aho, tsy ho azon-doza mandrakizay doria aho. **7** Feno ozona sy fitaka ary fanaovana an-keriny ny vavany; ao ambanin' ny lelany dia misy fampahoriana sy faharatsiana. **8** Mamitsaka amin' ny fanotrehana ao an-

tanàna izy, ao an-katakonana no amonoany ny marina; ny masony mikendry ny mahantra. **9** Manotrika ao an-katakonana tahaka ny liona ao amin' ny famitsahany izy; manotrika hisambotra ny malahelo izy; fandrihany amin' ny haratony no fisambony ny malahelo. **10** Torotoro sy mitanondrika ny mahantra ka lavo amin' ny herin' ny ratsy fanahy. **11** Hoy izy anakampony: efa nanadino Andriamanitra, efa nanafina ny tavany Izy ka tsy hahita mandrakizay. **12** Mitsangàna, Jehovah ô; Andriamanitra ô, atsangano ny tananao, aza manadino ny ory. **13** Nahoana no mamingavinga an' Andriamanitra ny ratsy fanahy ka manao anakampo hoe: Tsy hanadina Hianao? **14** Efa nahita ihany Hianao, satria mijery fahoriana sy alahelo, mba hovalian' ny tananao. Hianao no iononan' ny mahantra; Hianao no Mpamonjy ny kamboty. **15** Torotoroy ny sandrin' ny ratsy fanahy; ary adino ny heloky ny mpanao ratsy mandra-paha-tsy hisy hitanao intsony. **16** Jehovah no Mpanjaka mandrakizay doria; voafongotra tsy ho amin' ny taniny intsony ny jentilisa. **17** Efa nohenoinao, Jehovah ô, ny irin' ny mpandefitra; mampiomana ny fony Hianao sady mampihaino ny sofinao, **18** Hanomezanao rariny ny kamboty sy ny mahantra, mba tsy handroso hampitahotra intsony ny zanak' olombelona etỳ an-tany.

11 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' i Davida. **2** Fa, indro, ny ratsy fanahy manenjana ny tsipìkany; efa nanamboatra ny zana-tsipìkany eo amin' ny kofehy izy, nikendry tao amin' ny maizina hitifitra ny mahitsy fo. **3** Fa rava ny fanorenana, ka inona indray no azon' ny marina atao? **4** Jehovah dia ao amin' ny tempoliny masìna, ny seza fiandrianan' i Jehovah dia any an-danitra; ny masony mijery, eny, ny hodi-masony mizaha toetra ny zanak' olombelona. **5** Jehovah mizaha toetra ny marina; fa ny ratsy fanahy sy ny mifaly hampidi-doza dia samy halan' ny fanahiny. **6** Handatsaka fandrika amin' ny ratsy fanahy Izy tahaka ny fandatsaka ranonorana; afo sy solifara ary rivo-mahamay no ho anjara kapoakany. **7** Fa marina Jehovah, ka fahamarinana no tiany; ny mahitsy no hahita ny tavany.

12 Ho an' ny mpiventy hira. Al-hasheminith. Salamo nataon' i Davida. Vonjeo, Jehovah ô, fa efa lany ny tsara fanahy; eny, tsy misy mahatoky intsony eo amin' ny zanak' olombelona. **2** Samy milaza lainga amin' ny namany amin' ny molotra mandrobo izy; fo mamorom-pitaka no itenenany. **3** Holevonin' i Jehovah anie ny molotra mandrobo rehetra sy ny lela miteny avonavona, **4** Izay manao hoe: hampahery anay ny lelanay; miandany aminay ny molotray; iza no tomponay? **5** Noho ny fampahoriana ny ory sy ny fisentoan' ny malahelo, dia hitsangana Aho ankehitriny, hoy Jehovah; hovonjeko izay vingavingain' ny sasany. **6** Ny tenin' i Jehovah dia teny madio, tahaka ny volafotsy voarendrika tao anatin' ny memy ka mitsoriaka amin' ny tany eny, voadio impito. **7** Hianao, Jehovah ô, no hiaro azy, Hianao no hiambina azy mandrakizay tsy ho azon' ity taranaka ity. **8** Raha avy izay isandratan' ny tsinontsinona eo amin' ny zanak' olombelona, dia mieboebo ombieniombieny ny ratsy fanahy. Fitarainana ataon' izay azom-pahoriana mafy loatra.

13 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. **2** Jehovah ô, mandra-pahoviana no mbola hanadinoanao ahy ihany? Mandra-pahoviana no mbola hanafenanao ny tavanao amiko? **3** Mandra-pahoviana no mbola hisaintsainako am-panahy, sy hahalahelovako am-po isan' andro? Mandra-pahoviana no mbola hisandratan' ny fahavaloko ho amboniko? **4** Jereo aho ka valio, Jehovah Andriamanitro ô; ampahazavao ny mazoto, fandrao renoky ny torimaso fahafatesana aho; **5** Fandrao ny fahavaloko hanao hoe: naharesy azy aho, fandrao hifaly ny rafilahiko, raha mangozohozo aho. **6** Fa raha izaho kosa, dia ny famindram-ponao no itokiako; ho faly amin' ny famonjenao ny foko. Hihira ho an' i Jehovah aho, satria nanisy soa ahy Izy;

14 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' i Davida. **2** Eny an-danitra Jehovah miondrika mijery ny zanak' olombelona, mba hizaha na misy hendry mitady an' Andriamanitra. **3** Samy efa nivily izy rehetra ka tonga vetaveta avokoa; tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza. **4** Tsy mahalala va ny mpanao ratsy rehetra, izay mihinana ny oloko toy ny fihinan-kanina, ary Jehovah tsy antsoiny? **5** Indreo, matahotra dia matahotra izy, satria Andriamanitra no eo amin' ny taranaka marina. **6** Na dia foananareo aza ny fisainan' ny ory, Jehovah kosa no arony. **7** Enga anie ka hivoaka avy ao Ziona ny famonjena ny Isiraely! Raha ampodin' i Jehovah avy amin' ny fahababoana ny olony, dia ho faly Jakoba, ary ho ravoravo Isiraely.

15 Salamo nataon' i Davida. **2** Izay mandeha tsy misy tsiny ary manao izay mahitsy, sady misaintsaina ny marina ny fony; **3** Tsy manendrikendrika amin' ny lelany, sady tsy manisy ratsy ny sakaizany, ary tsy manao izay hahafa-baraka ny namany, **4** Tsy manaja ny ratsy fanahy, fa manome voninahitra ny matahotra an' i Jehovah; tsy mivadika amin' ny fianianany, na dia maningotra ny tenany aza, **5** Sady tsy mampihana ny volany, na mandray kolikoly hanameloka ny marina, — izay mitandrina izany dia tsy mba hangozohozo mandrakizay.

16 Miktama nataon' i Davida. **2** Hoy izaho ny amin' i Jehovah: Tompoko Hianao; tsy misy soa ananako azo oharina aminao; **3** Ary ny amin' ny olona masìna ambonin' ny tany, ireo no olona tsara laza izay sitrako indrindra. **4** Ho be ny fahorian' izay manova an' Andriamanitra hatakalony ny hafa. Tsy mba hanatitra ny fanati-drà aidiny aho, ary tsy mba hotononin' ny molotro ny anarany. **5** Jehovah no anjara lovako sy kapoakako; Hianao no mampaharitra ny anjarako. **6** Ny voafaritra ho anjarako dia eo amin' ny tany mahafinaritra; eny, manan-dova tsara aho. **7** Hisaotra an' i Jehovah Izay manome saina ahy aho; ary na amin' ny alina aza dia mananatra ahy ny foko. **8** Ataoko eo anatrehako mandrakariva Jehovah, fa eo ankavanako Izy, ka dia tsy hangozohozo aho. **9** Izany no ifalian' ny foko sy iravoravoan' ny fanahiko; eny, ny nofoko aza hitoetra

tsy manana ahiahy. **10** Fa tsy ho foinao ho any amin' ny fiainan-tsi-hita ny aiko; tsy hamela ny Iray Masinao ho latsaka ao amin' ny lavaka Hianao. **(Sheol h7585)** **11** Hampahafantatra ahy ny lalan' aina Hianao; fa havokisampifaliana no eo anatrehanao, ary fahafinaretana no eo antananao ankavanana mandrakizay.

17 Fivavak' i Davida. **2** Hivoaka avy eo anatrehanao ny fitsarana ahy; ny masonao hijery marina. **3** Nizaha toetra ny foko Hianao, namantatra ahy nony alina; nizaha toetra ahy tamin' ny memy Hianao, fa tsy nahita na inona na inona; ny vavako tsy hafa noho ny eritreritro. **4** Ny amin' ny asan' ny olona, dia ny tenin' ny molotrao no nitandremako tsy ho amin' ny lalan' ny mpanao an-keriny. **5** Ny diako maharitra eo amin' ny lalanao, tsy solafaka ny tongotro. **6** Izaho miantso Anao, ka mamaly ahy Hianao, Andriamanitra ô; atongilano amiko ny sofinao, ka henoy ny teniko. **7** Ataovy mahagaga ny famindram-ponao, ry Mpamonjy amin' ny tananao ankavanana izay olona mialoka aminao, mba tsy ho azon' ny fahavalo. **8** Arovy tahaka ny anakandriamaso aho, afeno ao ambanin' ny aloky ny elatrao, **9** Mba tsy ho azon' ny ratsy fanahy izay mampahory ahy, dia ny fahavaloko masiaka, izay manodidina ahy. **10** Efa mihirim-belona izy; teny miavonavona no aloaky ny vavany. **11** Manodidina anay amin' ny alehanay ankehitriny izy, Vandrininy hapotrany amin' ny tany izahay; **12** Ny fijery azy dia tahaka ny liona noana ta-hamiravira, sy tahaka ny liona tanora mamitsaka ao am-pierena. **13** Mitsangàna, Jehovah ô, sakano izy, aripaho izy; vonjeo amin' ny sabatrao ny fanahiko tsy ho azon' ny ratsy fanahy; **14** Vonjeo amin' ny tananao aho, Jehovah ô, mba tsy ho azon' ny olon' izao tontolo izao, izay manana ny anjarany amin' izao fiainana izao, sady fenoinao ny harenao ny kibony; Maro anaka izy, dia mamela ny fananany be ho an' ny zanany madinika. **15** Fa izaho kosa, dia aoka hahita ny tavanao amin' ny fahamarinana; aoka ny endrikao no hahafa-po ahy, raha mifoha.

18 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' i Davida, mpanompon' i Jehovah, izay nilaza tamin' i Jehovah ny tenin' ity fihirana ity tamin' ny andro namonjen' i Jehovah azy tamin' ny tanan' ny fahavalony rehetra, indrindra fa tamin' ny tanan' i Saoly; dia hoy izy: — **2** Jehovah no harambatoko sy batery fiarovana ho ahy ary Mpamonjy ahy; Andriamanitro, vatolampy ialofako, sy ampingako ary tandroka famonjena ahy sy fiarovana avo ho ahy. **3** Miantso an' i Jehovah izay mendrika hoderaina aho, ka dia vonjena ho afaka amin' ny fahavaloko. **4** Nihodidina tamiko ny famatoram-pahafatesana, ary ny riaky ny faharatsiana nampahatahotra ahy. **5** Ny famatoran' ny fiainan-tsi-hita nihodidina tamiko; nisakana ahy ny fandriky ny fahafatesana. **(Sheol h7585)** **6** Fony azom-pahoriana aho, dia niantso an' i Jehovah, eny, Andriamanitro no nitarainako; nihaino ny feoko tao an-tempoliny Izy, ary ny fitarainako teo anatrehany dia efa tonga teo an-tsofiny. **7** Dia nihozongozona sy nihorohoro ny tany, ary ny fanambanin' ny tendrombohitra nihorohoro; eny, nihozongozona ireo, satria tezitra Jehovah. **8** Nisy setroka nisavoana teo am-bavorony, ary afo avy teo am-bavany no nandevona ka nisy vainafo nidedadeda teo aminy. **9** Dia naondriny ny lanitra, ka nidina Izy; ary aizim-pito no teo ambanin' ny tongony. **10** Dia nitaingina kerobima Izy ka nanidina; eny, nanidina faingana tamin' ny ela-drivotra Izy. **11** Efa nanao ny maizina ho fiereny sy tranony manodidina Azy Izy, dia rahona ngalingaly rahona matevina. **12** Ary teo amin' ny famirapiratana teo anatrehany dia nandalo ny rahony matevina havandra sy vainafo. **13** Dia nampikotroka tany an-danitra Jehovah, ny Avo Indrindra niloa-peo. Havandra sy vainafo. **14** Dia nandefa ny zana-tsipìkany Izy ka nampiely ny fahavaloko. Ary nampandeha helatra be ka nampifanaritaka azy. **15** Dia hita ny mason-drano, ary niseho ny fanambanin' ny tany noho ny teny mafy nataonao, Jehovah ô, noho ny fifofofofon' ny fofonain' ny vavoronao. **16** Naninjitra ny tanany avy tany ambony Izy ka nandray ahy; nanintona ahy niala tamin' ny rano be Izy; **17** Namonjy ahy tamin' ny fahavaloko mahery Izy sy tamin' izay nankahala ahy, satria tsy leoko ireny **18** Nisakana ahy tamin' ny andro nahitako loza ireny, nefa Jehovah no niseho ho Mpanohana ahy. **19** Dia nitondra ahy ho any amin' ny malalaka Izy; namonjy ahy Izy, satria tiany aho. **20** Nanisy soa ahy araka ny fahamarinako Jehovah; araka ny fahadiovan' ny tanako no namaliany ahy. **21** Fa nitandrina ny lalan' i Jehovah aho, ka tsy mba nanao ratsy hialana tamin' Andriamanitro; **22** Ny fitsipiny rehetra dia teo anatrehako, ary ny lalàny tsy mba nampialaiko tamiko; **23** Tsy nanan-tsiny taminy aho sady niaro tena tsy ho azon' ny fahotako; **24** Koa namaly ahy araka ny fahamarinako Jehovah, dia araka ny fahadiovan' ny tanako teo imasony. **25** Ny olona tsara no isehoanao fa tsara; ny tena olo-marina no isehoanao fa marina; **26** Ny madio no isehoanao fa madio; ary ny mpiolakolaka kosa no isehoanao fa lalin-tsaina. **27** Fa Hianao mamonjy ny olona ory; ary ny maso miandranandrana kosa aetrinao. **28** Fa Hianao mampirehitra ny jiroko; Jehovah Andriamanitro no mampahazava ny fahamaizinako. **29** Fa Hianao no ahazoako mitsarapaka hamely ny miaramila iray toko; ary Andriamanitro no ahazoako mitsambikina mihoatra ny manda. **30** Raha ny amin' Andriamanitra, dia marina ny lalany; ny tenin' i Jehovah dia voazaha toetra amin' ny memy; Jehovah no ampingan' izay rehetra mialoka aminy. **31** Fa iza no Andriamanitra afa-tsy Jehovah? ary iza no vatolampy afa-tsy Andriamanitsika? **32** Izany Andriamanitra izany no mampisikina hery ahy sy manamarina ny alehako. **33** Manao ny tongotro ho tahaka ny an' ny dieravavy Izy ka mampitoetra ahy eo amin' ny fitoerako avo. **34** Mampianatra ny tanako hiady Izy, ka mahahenjana tsipìka varahina ny sandriko. **35** Omenao ahy ny ampingan' ny famonjenao; ny tananao ankavanana no manohana ahy, ary ny fahamoram-panahinao no mahalehibe ahy. **36** Halalahinao ny lalana hodiaviko, ka tsy mangovitra ny hato-tongotro. **37** Manenjika ny fahavaloko aho ka mahatratra azy; ary tsy mba miverina aho mandra-pahalàny ritrany. **38** Mamely mafy azy aho, ka tsy mahaleo izy; lavo eo ambanin' ny tongotro izy. **39** Hianao mampisikina ahy hery hiady; aripakao ho ambaniko izay mitsangana hamely ahy. **40** Ary ataonao miamboho ahy ny fahavaloko; ka aringako izay mankahala ahy. **41**

Mitaraina izy, fa tsy misy mpamonjy, dia amin' i Jehovah, fa tsy mamaly azy Izy. **42** Torotoroiko madinika tahaka ny vovoka entin' ny rivotra izy; Tahaka ny fanary fotaka eny an-dalambe no fanariko azy. **43** Mamonjy ahy amin' ny fifanoheran' ny olona Hianao. Sy manandratra ahy ho lohan' ny firenen-tsamy hafa; ny firenena tsy fantatro aza dia manompo ahy. **44** Raha vao mahare ny lazako fotsiny ihany aza izy, dia manoa ahy; Ny hafa firenena mikoy ahy. **45** Ny hafa firenena dia mihaketraka, ka miala amin-kovitra avy ao amin' ny fiarovany mafy. **46** Velona Jehovah; isaorana anie ny Vatolampiko; asandratra anie Andriamanitry ny famonjena ahy, **47** Dia Andriamanitra, Izay manao famaliana ho ahy ka mampanaiky ny firenena ahy. **48** Mamonjy ahy amin' ny fahavaloko Izy; eny, manandratra ahy ho ambonin' izay mitsangana hanohitra ahy Hianao, ary mamonjy ahy amin' ny olon-dozabe. **49** Koa izany no hiderako Anao eny amin' ny firenen-tsamy hafa, Jehovah ô, sy hankalazako ny anaranao. **50** Manao famonjen-dehibe ho an' ny mpanjaka voatendriny Izy, ary mamindra fo amin' ny voahosony, dia amin' i Davida sy ny taranany mandrakizay.

19 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Ny lanitra mitory ny voninahitr' Andriamanitra; ary ny habakabaka manambara ny asan' ny tànany. **2** Ny andro samy miteny amin' ny andro mandimby azy, ary ny alina samy manolo-pahalalana amin' ny alina mandimby azy. **3** Tsy misy teny na fiteny anefa; tsy re izay feony. **4** Efa nivoaka ho any amin' ny tany rehetra ny famolainany, ary ny teniny dia mihatra amin' ny faran' izao rehetra izao. Trano-lay ho an' ny masoandro no nataony teo aminy; **5** Ary ny masoandro dia tahaka ny mpampaka-bady mivoaka avy ao an-trano fandriany; sady mifaly tahaka ny lehilahy matanjaka mihazakazaka amin' ny alehany izy. **6** Any amin' ny faravodilanitra ny fiposahany, ary ny alehany dia hatramin' ny farany koa, ka tsy misy takona amin' ny hafanany. **7** Tsy misy tsiny ny lalàn' i Jehovah, mamelombelona ny fanahy; mahatoky ny teni-vavolombelon' i Jehovah, mahahendry ny kely saina. **8** Mahitsy ny fandidian' i Jehovah, mahafaly ny fo; madio ny didin' i Jehovah, mampahazava ny maso. **9** Madio ny fahatahorana an' i Jehovah, maharitra mandrakizay; marina ny fitsipik' i Jehovah, eny, mahitsy avokoa. **10** Irina noho ny volamena ireny, eny, noho ny tena volamena betsaka aza; ary mamy noho ny tantely, eny, noho ny tantely mitete avy amin' ny tohotra. **11** Ary ny mpanomponao dia hazavain' ireny; amin' ny fitandremana azy misy valiny lehibe. **12** Raha ny fahatsontsana, dia iza re no mahalala izany? ataovy tsy manan-tsiny aho ny amin' izay ota tsy fantatra. **13** Arovy ny mpanomponao tsy ho azon' ny ota sahisahy; aoka tsy hanapaka ahy izany; dia ho marina tokoa aho ka tsy hanan-tsiny ny amin' izay fahadisoana lehibe. **14** Aoka ny tenin' ny vavako sy ny fisainan' ny foko samy hankasitrahana eo imasonao, Jehovah ô, Vatolampiko sy Mpanavotra ahy.

20 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Hihaino anao anie Jehovah amin' ny andro fahoriana; hitondra anao ho any amin' ny avo anie ny anaran' Andriamanitr' i Jakoba. **2** Hahatonga famonjena ho anao avy amin' ny fitoerana masìna anie Izy, ary hanohana anao avy any Ziona. **3** Hahatsiaro ny fanatitra hohaninao rehetra anie Izy, ary hankasitraka ny fanatitra doranao. (Sela) **4** Hanome anao araka ny fonao anie Izy ary hahatanteraka ny fisainanao rehetra. **5** Aoka hihoby noho ny famonjena azonao izahay, ary amin' ny anaran' Andriamanitray no hananganana faneva; ho tanterahin' i Jehovah anie ny angatahinao rehetra. **6** Ankehitriny dia fantatro fa Jehovah mamonjy ny voahosony; hamaly azy avy amin' ny lanitry ny fahamasinany Izy amin' ny herin' ny famonjen' ny tànany ankavanana. **7** Ny sasany mitoky amin' ny kalesy, ary ny sasany amin' ny soavaly; Fa raha izahay kosa, dia ny anaran' i Jehovah Andriamanitray no hoderainay. **8** Ireo dia reraka sady lavo; fa izahay kosa efa mitsangana sy mijoro, **9** Jehovah ô, vonjeo ny mpanjaka; hamaly anay anie Izy amin' izay andro iantsoanay Azy.

21 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Jehovah ô, ny herinao no hifalian' ny mpanjaka; ary endrey ny haben' ny hiravoravoany amin' ny famonjenao! **2** Ny nirin' ny fony dia nomenao azy, ary ny nangatahin' ny molony tsy mba nolavinao. (Sela) **3** Fa notsenainao fitahiana soa izy; teo an-dohany nasianao satro-boninahitra tena volamena. **4** Aina no nangatahiny taminao, dia nomenao azy izany, dia andro lava mandrakizay doria. **5** Lehibe ny voninahiny amin' ny famonjenao; Laza sy voninahitra no nataonao taminy. **6** Fa nataonao ho fitahiana mandrakizay izy; ampifalinao indrindra amin' ny tavanao izy. **7** Fa ny mpanjaka matoky an' i Jehovah, ary noho ny famindram-pon' ny Avo Indrindra dia tsy hangozohozo izy. **8** Ho azon' ny tananao ny fahavalonao rehetra; eny, ho azon' ny tananao ankavanana ny mankahala anao; **9** Hataonao tahaka ny fatana misy afo mirehitra izy amin' ny andro hisehoanao, Jehovah handany azy amin' ny fahatezerany, ary handevona azy ny afo. **10** Ny zanany haringanao tsy ho eo amin' ny tany, ary ny taranany tsy ho eo amin' ny zanak' olombelona; **11** Fa nikasa hanisy ratsy anao izy, ka namoron-kevi-dratsy fa tsy nahefa. **12** Fa hampiamboho azy ianao; ny tsipìkanao no ikendrenao ny tavany. **13** Misandrata amin' ny herinao, Jehovah ô, hihira sy hankalaza ny herinao izahay.

22 Ho an' ny mpiventy hira. Alaieleth-hasahara. Salamo nataon' i Davida. Andriamanitra ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia mahafoy ahy Hianao? Lavitra ny famonjena ahy ny tenin' ny fitarainako. **2** Andriamanitro ô, miantso aho nony andro, nefa tsy mamaly Hianao; ary nony alina, nefa tsy mahita fiononana aho. **3** Kanefa masìna Hianao, Ry mipetraka eo ambonin' ny fideran' ny Isiraely. **4** Hianao no nitokian' ny razanay; Natoky izy, ka namonjy azy Hianao. **5** Hianao no nitarainany, ka afaka izy; Hianao no nitokiany, ka tsy menatra izy. **6** Ary izaho dia olitra, fa tsy olona, fandatsan' olona sy fanevatevam-bahoaka. **7** Izay rehetra mahita ahy dia manaraby ahy; manondro molotra izy sady mihifikifi-doha ka manao hoe: **8** Ankino amin' i Jehovah, dia aoka Izy hamonjy azy; eny, aoka Izy hanafaka azy, raha

mankasitraka azy Izy. **9** Fa Hianao no nampivoaka ahy avy tao an-kibo; nampandry ahy fahizay ianao, fony aho mbola nampinonoin' ny reniko; **10** Nankinina taminao hatrany ambohoka aho; hatrany an-kibon-dreniko dia Andriamanitro Hianao. **11** Aza manalavitra ahy Hianao, fa akaiky ny fahoriana, sady tsy misy mpamonjy. **12** Mitangorona amiko ireo ombilahy be, ny maherin' i Basana manemitra ahy. **13** Misanasana vava amiko izy; eny, liona mamiravira sy mierona izy. **14** Efa rano aidina aho, ka mivaha ny taolako rehetra; tahaka ny savoka ny foko: miempo ato anatiko izy. **15** Maina tahaka ny tavim-bilany ny heriko, ary ny lelako miraikitra amin' ny lanilaniko; ao amin' ny vovoky ny fahafatesana no ametrahanao ahy. **16** Fa mitangorona amiko ny amboa, ny fiangonan' ny ratsy fanahy manemitra ahy. Manindrona ny tongotro aman-tanako izy **17** Mahisa ny taolako rehetra aho ireo dia mibanjina sady mangarika ahy. **18** Mizara ny fitafiako ho azy izy; ary ny akanjoko ilokàny. **19** Fa Hianao, Jehovah ô, aza manalavitra; ry Heriko ô, faingana hamonjy ahy. **20** Vonjeo amin' ny sabatra ny fanahiko, dia ny hany malalako amin' ny herin' ny amboa. **21** Vonjeo amin' ny vavan' ny liona aho; ary valio ho afaka amin' ny tandroky ny ombimanga. **22** Hitory ny anaranao amin' ny rahalahiko aho; eo amin' ny fiangonana no hideràko Anao. **23** Hianareo izay matahotra an' i Jehovah, miderà Azy; ry taranak' i Jakoba rehetra, manomeza voninahitra Azy; ary matahora Azy, ry Zanak' Isiraely rehetra. **24** Fa tsy manao tsinontsinona na marikorikon' ny fahorian' ny ory Izy, ary tsy mba manafina ny tavany aminy; fa raha mitaraina aminy ireny, dia mihaino Izy. **25** Avy aminao no ahazoako manao fiderana eo amin' ny fiangonan-dehibe; ny voadiko dia hefaiko eo anatrehan' izay matahotra an' i Jehovah. **26** Hihinana ny mpandefitra ka ho voky; hidera an' i Jehovah izay mitady azy; ho velona mandrakizay anie ny fonareo. **27** Hahatsiaro ka hiverina ho amin' i Jehovah ny faran' ny tany rehetra; ary hiankohoka eo anatrehanao ny fokon' ny firenen-tsamy hafa. **28** Fa an' i Jehovah ny fanjakana; ary manapaka amin' ny firenen-tsamy hafa Izy. **29** Hihinana sy hiankohoka ny mpanefoefo rehetra ambonin' ny tany, eo anatrehany no hiondrehan' izay rehetra efa hidina any amin' ny vovoka ka tsy mahavelona ny ainy. **30** Hisy taranaka hanompo Azy; ary ny Tompo dia holazaina amin' ny taranaka ho avy. **31** Hisy ho avy ka hanambara ny fahamarinany, amin' ny olona izay mbola hateraka, fa Izy no nanao izany.

23 Salamo nataon' i Davida. **2** Mampandry ahy amin' ny ahi-maitso Izy; mitondra ahy eo amoron' ny rano fialan-tsasatra Izy. **3** Mamelombelona ny fanahiko Izy; mitarika ahy amin' ny lalan' ny fahamarinana noho ny anarany Izy. **4** Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko; ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-tahotra ahy. **5** Mamelatra latabatra eo anoloako eo imason' ny fahavaloko Hianao; manosotra diloilo ny lohako Hianao; ny kapoakako feno dia feno. **6** Eny tokoa, fahasoavana sy famindram-po no hanaraka ahy amin' ny andro rehetra hiainako, dia hitoetra ao an-tranon' i Jehovah andro lava aho.

24 Salamo nataon' i Davida. **2** Fa Izy no nanorina azy tambonin' ny ranomasina. Tambonin' ny rano no nampitoerany azy. **3** Iza no hiakatra any an-tendrombohitr' i Jehovah? ary iza no hitoetra ao amin' ny fitoerany masìna? **4** Izay madio tanana sy mahitsy fo, izay tsy manandratra ny fanahiny ho amin' ny lainga, na mianiana hamitaka. **5** Handray fitahiana avy amin' i Jehovah izy, ary fahamarinana avy amin' Andriamanitry ny famonjena azy. **6** Izany no taranaka mitady Azy, izay mitady ny tavanao, dia Jakoba. (Sela) **7** Asandrato ny lohanareo, ry vavahady, ary misandrata ianareo, ry varavarana fahagola, mba hidiran' ny mpanjakan' ny voninahitra. **8** Iza izao Mpanjakan' ny voninahitra izao? Jehovah mahery tsitoha, Jehovah mpiady mahery. **9** Asandrato ny lohanareo, ry vavahady; ary manandrata ny lohanareo, ry varavarana fahagola, mba hidiran' ny Mpanjakan' ny voninahitra. **10** Iza ary izao Mpanjakan' ny voninahitra izao? Jehovah, Tompon' ny maro, Izy no Mpanjakan' ny voninahitra. (Sela)

25 Nataon' i Davida. **2** Andriamanitro ô, Hianao no itokiako, aoka tsy ho menatra aho; aoka tsy hifalian' ny fahavaloko aho. **3** Eny, tsy hisy ho menatra izay rehetra miandry Anao; fa izay mivadika foana no ho menatra. **4** Ampahafantaro ny lalanao aho, Jehovah ô; ampianaro ny sitrakao aho. **5** Tariho amin' ny fahamarinanao aho, ka ampianaro; fa Hianao no Andriamanitry ny famonjena ahy; Hianao no andrasako mandritra ny andro. **6** Tsarovy ny antranao sy ny indrafonao, Jehovah ô, fa hatrizay hatrizay ireny. **7** Aza ny fahotan' ny fahatanorako, na ny ratsy nataoko, no tsarovanao; fa aoka ho araka ny famindram-ponao no hahatsiarovanao ahy, noho ny fahasoavanao Jehovah ô, **8** Tsara sy mahitsy Jehovah, ka izany no ampianarany ny mpanota ny lalana. **9** Mitarika ny mpandefitra amin' ny marina Izy, ary mampianatra ny mpandefitra ny lalany. **10** Ny lalan' i Jehovah rehetra dia famindram-po sy fahamarinana amin' izay mitandrina ny fanekeny sy ny teni-vavolombelony. **11** Noho ny anaranao, Jehovah ô, dia mamelà ny heloko, fa lehibe izany. **12** Iza no lehilahy matahotra an' i Jehovah? Izy no hampianariny izay lalana tokony hofidiny. **13** Ny fanahiny hitoetra amin' ny soa; ary ny taranany handova ny tany. **14** Ny fisainan' i Jehovah asehony amin' izay matahotra Azy, ary ny fanekeny no hampahafantariny azy. **15** Ny masoko mijery an' i Jehovah mandrakariva; fa Izy no nanafaka ny tongotro tamin' ny fandrika harato. **16** Todiho aho, ka amindrao fo, fa irery aho ka mahantra. **17** Ny fahorian' ny foko efa mihalehibe; afaho amin' ny fahatereko aho. **18** Jereo ny fahoriako sy ny mavesatra amiko, ka mamelà ny fahotako rehetra. **19** Jereo ny fahavaloko, fa maro izy; ary loza ny fankahalàny ahy. **20** Arovy ny fanahiko, ka vonjeo aho; aoka tsy ho menatra aho, fa mialoka aminao. **21** Aoka ny tsi-fisian-tsiny sy ny fahitsiana no hiaro ahy; fa miandry Anao aho. **22** Andriamanitra ô, afaho ny Isiraely, amin' ny fahoriany rehetra.

26 Nataon' i Davida. **2** Diniho aho, Jehovah ô, ka fantaro; izahao toetra ny voako sy ny foko. **3** Fa ny famindram-ponao no eo anoloan' ny masoko; ary mandeha amin' ny fahamarinanao aho. **4** Tsy mba miara-mipetraka amin' ny olon-dratsy aho, na manan-draharaha amin' ny olom-petsy. **5** Halako ny fiangonan' ny mpanao ratsy; ary tsy miara-mipetraka amin' ny ratsy fanahy aho. **6** Manasa ny tanako noho ny fahamarinako aho, ka te-hitoetra eo akaikin' ny alitaranao, Jehovah ô, **7** Mba hanao feo fiderana, ka hilaza ny asanao mahagaga rehetra. **8** Jehovah ô, tiako ny trano itoeranao, dia ny fonenan' ny voninahitrao. **9** Aza mitondra ny fanahiko hiara-maty amin' ny mpanota, na ny aiko amin' ny mpandatsa-drà, **10** Izay misy fitaka eny an-tànany, ary feno kolikoly ny tànany ankavanana. **11** Fa izaho kosa dia mandeha amin' ny fahamarinako; avoty sy amindrao fo aho. **12** Ny tongotro mijoro eo amin' ny tany marina; eo am-piangonana no isaorako an' i Jehovah.

27 Nataon' i Davida. **2** Raha manatona ahy hihinana ny nofoko ny ratsy fanahy, izay fahavaloko sy rafilahiko, dia izy ihany no tafintohina ka lavo. **3** Na dia misy antokony mitoby hiady amiko aza, tsy hatahotra ny foko; na dia misy ady mihatra amiko aza, dia hatoky ihany aho. **4** Zavatra iray loha no nangatahiko tamin' i Jehovah, izany no hotadiaviko, dia ny hitoetra ao an-tranon' i Jehovah amin' ny andro rehetra hiainako, mba ho faly mijery ny fahasoavan' i Jehovah sy mandinika ny tempoliny. **5** Fa hanafina ahy ao an-trano fialofany amin' ny andro fahoriana Izy; hampiery ahy amin' ny fierena ao an-dainy Izy; hanandratra ahy ho eny ambony vatolampy Izy. **6** Koa dia hisandratra ambonin' ny fahavaloko manodidina ahy ny lohako, ka hanatitra fanatitra hihobiana ao an-dainy aho; hihira sy hankalaza an' i Jehovah aho. **7** Mihainoa, Jehovah ô, fa mitaraina mafy aho; ary mamindrà fo amiko, ka valio aho. **8** Raha hoy Hianao: tadiavonareo ny tavako, dia hoy ny navalin' ny foko: Eny, ny tavanao no tadiaviko, Jehovah ô; **9** Aza manafina ny tavanao amiko, aza mandroaka ny mpanomponao an-katezerana; efa famonjena ahy Hianao; aza manary na mahafoy ahy, ry Andriamanitry ny famonjena ahy. **10** Fa ny raiko aman-dreniko efa nahafoy ahy; fa Jehovah kosa no mandray ahy. **11** Ampianaro ny lalanao aho, Jehovah ô; ary tariho amin' ny lalana marina aho noho ny fahavaloko. **12** Aza manolotra ahy ho amin' ny sitrapon' ny mpampahory ahy; fa vavolombelona mandainga sy izay mifofofofo loza no mitsangana hiampanga ahy. **13** Raha izay re aho no tsy nanantena hahita ny fahasoavan' i Jehovah amin' ny tanin' ny velona. **14** Miandrasa an' i Jehovah ianao; matokia, ary aoka hahery ny fonao; eny, miandrasa an' i Jehovah.

28 Nataon' i Davida. **2** Mihainoa ny feon' ny fifonako, raha mitaraina aminao aho, raha manandratra ny tanako ho amin' ny fitoeranao masìna indrindra aho. **3** Aza atao indray manakipaka amin' ny ratsy fanahy sy ny mpanao meloka aho, fa ireny dia milaza fihavanana amin' ny namany, kanjo ratsy no ao am-pony. **4** Manomeza azy araka ny asany sy ny faharatsian' ny ataony; eny, manomeza azy araka ny vitan' ny tànany, valio izy araka izay iendrehany. **5** Fa tsy mihevitra ny asan' i Jehovah, na ny vitan' ny tànany, izy, dia horavan' i Jehovah izy, fa tsy haoriny. **6** Isaorana anie Jehovah, fa efa nihaino ny feon' ny fifonako Izy. **7** Jehovah no heriko sy ampingako; izy no nitokian' ny foko, ka voavonjy aho; dia mifaly ny foko, ka ny hirako no hiderako Azy. **8** Jehovah no heriny, ary Izy no fiarovana mafy hamonjena ny voahosony. **9** Vonjeo ny olonao, ary tahio ny lovanao; andraso izy, ka tezao mandrakizay.

29 Salamo nataon' i Davida. **2** Omeo an' i Jehovah ny voninahitry ny anarany; miankohofa eo anatrehan' i Jehovah amin' ny fihaingoana masìna. **3** Ny feon' i Jehovah no eny ambonin' ny rano be; Andriamanitry ny voninahitra no mampikotrokorana; Jehovah no eny ambonin' ny rano be. **4** Ny feon' i Jehovah be hery; Ny feon' i Jehovah be voninahitra. **5** Ny feon' i Jehovah manorotoro ny hazo sedera; eny, Jehovah manorotoro ny hazo sedera any Libanona. **6** Dia mampitsambikina azy tahaka ny zanak' omby Izy, Libanona sy Siriona dia tahaka ny zanaky ny ombimanga. **7** Ny feon' i Jehovah mampisaraka ny lelafo; **8** Ny feon' i Jehovah mampihorohoro ny efitra; Jehovah mampihorohoro ny efitr' i Kadesy. **9** Ny feon' i Jehovah mampiteraka ny dieravavy, ary mivofy ny ala be; ary ny ao an-tempoliny samy manao hoe: Voninahitra e! **10** Jehovah nipetraka teo ambonin' ny safo-drano; eny, Jehovah mipetraka ho Mpanjaka mandrakizay. **11** Jehovah hanome hery ny olony; Jehovah hitahy ny olony amin' ny fiadanana.

30 Salamo. Fihirana tamin' ny nitokanana ny trano. Nataon' i Davida. Hanandratra Anao aho, Jehovah ô; fa nanintona ahy niakatra Hianao, ka tsy nataonao ho fifalian' ny fahavaloko aho. **2** Jehovah Andriamanitro ô, nitaraina taminao aho, dia nahasitrana ahy Hianao. **3** Jehovah ô, efa nampakatra ny fanahiko avy tany amin' ny fiainan-tsi-hita Hianao; efa nampody ny aiko Hianao, mba tsy ho isan' izay midìna any an-davaka aho. **(Sheol h7585)** **4** Mankalazà an' i Jehovah, ry olony masìna, ka miderà ny anarany masìna. **5** Fa indray mipi-maso ihany ny fahatezerany; nefa mandritra ny andro iainana kosa ny fankasitrahany; amin' ny hariva dia misy fitomaniana tonga hivahiny miloaka alina; Fa nony maraina kosa dia misy fihobiana. **6** Ary hoy izaho, raha mbola niadana: tsy hangozohozo mandrakizay aho. **7** Jehovah ô, noho ny fankasitrahanao dia nampitoerinao mafy ny tendrombohitro; nanafina ny tavanao Hianao, dia ory aho. **8** Hianao no nantsoiko, Jehovah ô; ary Jehovah no nifonako hoe: **9** Inona no soa azo amin' ny rako sy ny hidinako any an-davaka? Hidera Anao va ny vovoka? Hanambara ny fahamarinanao va izany? **10** Mihainoa, Jehovah ô, ka mamindrà fo amiko; Jehovah ô, aoka ho Mpamonjy ahy Hianao. **11** Efa nampody ny fisaonako ho fandihizana Hianao; efa nanaisotra ny lamba fisaonako Hianao ka nampisikina ahy fifaliana, **12** Mba hankalazan' ny fanahiko Anao ka tsy hangina. Jehovah Andriamanitro ô, hidera Anao mandrakizay aho.

31 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Jehovah ô, Hianao no ialofako; aoka tsy ho menatra

akory mandrakizay aho; vonjeo amin' ny fahamarinanao aho. **2** Atongilano amiko ny sofinao, faingàna hamonjy ahy; aoka ho vatolampiko fiarovana mafy Hianao sy batery fiarovana hamonjena ahy. **3** Fa harambatoko sy batery fiarovana ho ahy Hianao; ary noho ny anaranao no hitondrànao sy hitarihanao ahy. **4** Hanafaka ahy amin' ny fandrika harato izay nafeniny hamandrihany ahy Hianao; fa Hianao no fiarovana mafy ho ahy. **5** Eo an-tananao no atolotro ny fanahiko; fa efa nanavotra ahy Hianao, Jehovah ô, Andriamanitry ny fahamarinana. **6** Halako izay mivavaka amin' ny sampy; fa Jehovah kosa no itokiako. **7** Hifaly sy ho ravoravo amin' ny famindram-ponao aho; fa nahita ny fahantrako Hianao, ka nahafantatra ny fahorian' ny fanahiko, **8** ary tsy mba nangeja ahy teo an-tànan' ny fahavalo; fa efa nampitoetra ny tongotro eo amin' ny malalaka Hianao. **9** Mamindrà fo amiko, Jehovah ô, fa azom-pahoriana aho; simban' alahelo ny masoko sy ny fanahiko ary ny tenako. **10** Fa lanin' alahelo ny aiko, sady lanim-pisentoana ny taonako; Tsy manan-kery aho noho ny heloko, ary efa lany ny taolako. **11** Noho ny ataon' ny fahavaloko rehetra dia efa tonga fandatsa aho, eny, na dia amin' ny namako aza, sady atahoran' ny olom-pantatro aho; izay mahita ahy eny ivelany mandositra ahy. **12** Efa hadino tahaka ny olona maty izay tsy tsaroana intsony aho; tahaka ny vilany ariana aho. **13** Fa mandre ny endrikendriky ny maro aho; misy fampangorohoroana manodidina, raha miara-mioko hamely ahy izy, ka miray tetika hahafaty ny aiko. **14** Nefa izaho matoky Anao, Jehovah ô; hoy izaho: Andriamanitro Hianao. **15** Eo an-tananao ny androko; Vonjeo aho tsy ho azon' ny tanan' ny fahavaloko sy izay manenjika ahy. **16** Ampamirapirato amin' ny mpanomponao ny tavanao; vonjeo amin' ny famindram-ponao aho. **17** Aoka tsy ho menatra aho, Jehovah ô, satria miantso Anao; fa aoka kosa ho menatra ny ratsy fanahy ka hangina any amin' ny fiainan-tsi-hita. **(Sheol h7585)** **18** Aoka hangina ny molotra mandainga, izay miteny sahisahy hanohitra ny marina, amin' ny avonavona sy ny fanamavoana. **19** Akory re ny haben' ny zava-tsoanao voarakitrao ho an' ny matahotra Anao! dia izay nataonao teo anatrehan' ny zanak' olombelona ho an' izay mialoka aminao! **20** Hanafina azy ao amin' ny fiafenana eo anatrehanao Hianao, mba tsy ho tratry ny teti-dratsy ataon' ny olona izy; hampiery azy ao an-tranonao Hianao, mba tsy ho azon' ny lela mifanditra izy. **21** Isaorana anie Jehovah; fa nataony mahagaga ny famindram-pony tamiko tao an-tanàna mimanda. **22** Fa hoy izaho tamin' ny fahatairako; voafongotra tsy ho eo imasonao aho; kanjo nihaino ny feon' ny fifonako ihany Hianao, raha nitaraina taminao aho. **23** Tiava an' i Jehovah, ry olony masìna rehetra; miaro ny marina Jehovah, ary mamaly dia mamaly ny mpiavonavona Izy. **24** Mahereza, ary aoka hatanjaka ny fonareo, dia ianareo rehetra izay manantena an' i Jehovah.

32 Nataon' i Davida. Maskila. **2** Sambatra ny olona izay tsy isain' i Jehovah heloka, ary tsy misy fitaka ny fanahiny. **3** Raha nangina aho, dia nihalany ny taolako rehetra, noho ny fitarainako mandrakariva, **4** Fa efa navesatra tamiko andro aman' alina ny tananao; niova ny fahatanjahako toy ny azon' ny fahamainana amin' ny lohataona. (Sela) **5** Ny fahotako nambarako taminao, ary ny heloko tsy mba nafeniko. Hoy izaho: hiaiky ny fahadisoako amin' i Jehovah aho; ary Hianao dia namela ny heloky ny fahotako. (Sela) **6** Izany no aoka hivavahan' ny tsara tsara fanahy rehetra aminao amin' izay andro hahitana Anao; eny tokoa, na dia tondraka aza ny rano be, tsy hahatratra azy izany. **7** Hianao no fiereko, miaro ahy tsy ho azon' ny fahoriana Hianao; fihobiam-pamonjena no ahodidinao ahy. (Sela) **8** Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho. **9** Aza manahaka ny soavaly na ny ampondra tsy manan-tsaina; vy sy lamboridy no haingo hihazonana azy, fa tsy mety manakaiky anao izy. **10** Be ny fanaintainan' ny ratsy fanahy, fa izay matoky an' i Jehovah kosa dia ho hodidinin' ny famindram-po. **11** Mifalia amin' i Jehovah, ary ravoravoa, ianareo olo-marina, ary mihobia, ianareo mahitsy fo rehetra.

33 Mihobia ho an' i Jehovah ianareo, ry olo-marina; fa mendrika hataon' ny olo-mahitsy ny fiderana. **2** Miderà an' i Jehovah amin' ny lokanga; mankalazà Azy amin' ny valiha tory folo. **3** Mihirà fihiram-baovao ho Azy; mitendre tsara amin' ny feo fifaliana. **4** Fa mahitsy ny tenin' i Jehovah, ary ny asany rehetra dia mahatoky avokoa. **5** Tia fahamarinana sy rariny Izy; henika ny famindram-pon' i Jehovah ny tany. **6** Ny tenin' i Jehovah no nanaovana ny lanitra; ary ny fofonain' ny vavany no nanaovana ny hamaroany rehetra. **7** Mampiavosa ny rano ao an-dranomasina ho toy ny antontan-javatra Izy; mitahiry ny rano lalina ao an-trano fitehirizana Izy. **8** Aoka hatahotra an' i Jehovah ny tany rehetra; aoka hangovitra eo anatrehany ny mponina rehetra amin' izao tontolo izao. **9** Fa Izy no niteny dia ary izany; Izy no nandidy, dia nitoetra mafy izany. **10** Jehovah mahafoana ny fisainan' ny firenen-tsamy hafa; Mahatsinontsinona ny hevitry ny olona Izy. **11** Ny fisainan' i Jehovah maharitra mandrakizay, ny hevitry ny fony mahatratra ny taranaka fara mandimby. **12** Sambatra ny firenena izay manana an' i Jehovah ho Andriamaniny, dia ny olona nofidiny ho lovany. **13** Eny an-danitra no itsinjovan' i Jehovah, mijery ny zanak' olombelona rehetra Izy; **14** Eo amin' ny fonenany no ijereny ny mponina rehetra ambonin' ny tany, **15** Dia Izy Mpamorona ny fon' izy rehetra sy Mpamantatra ny asany rehetra. **16** Tsy misy mpanjaka voavonjin' ny hamaroan' ny miaramilany; ny olo-mahery tsy voavonjin' ny haben' ny heriny. **17** Ny soavaly tsy azo itokiana ho famonjena, ary tsy mahavonjy ny haben' ny heriny. **18** Indro, ny mason' i Jehovah mitsinjo izay matahotra Azy, dia izay manantena ny famindram-pony, **19** mba hanafaka ny fanahiny amin' ny fahafatesana, sy hamelona azy, raha misy mosary. **20** Ny fanahintsika miandry an' i Jehovah; famonjena antsika sy ampingantsika Izy. **21** Fa Izy no ifalian' ny fontsika, satria ny anarany masìna no itokiantsika. **22** Jehovah ô, aoka ny famindram-ponao hitoetra aminay araka ny anantenanay Anao.

34 Nataon' i Davida tamin' izy nody adala teo anatrehan' i Abimeleka, dia noroahiny ka lasa nandeha. Hisaotra an' i Jehovah lalandava aho; ho eo am-bavako mandrakariva ny fiderana Azy. **2** Jehovah no reharehan' ny fanahiko; hahare izany ny mpandefitra ka ho fay. **3** Miaraha mankalaza an' i Jehovah amiko; ary aoka hiara-manandratra ny anarany isika. **4** Mitady an' i Jehovah aho, dia mamaly ahy Izy ka manafaka ahy amin' ny tahotro rehetra. **5** Mijery Azy ireo ka miramirana, sady tsy mangaihay ny tavany. **6** Ity olo-mahantra ity niantso, dia nihaino Jehovah ka namonjy azy tamin' ny fahoriany rehetra. **7** Ny Anjelin' i Jehovah mitoby manodidina izay matahotra Azy ka mamonjy azy. **8** Andramo ka izahao fa tsara Jehovah; sambatra izay olona mialoka aminy. **9** Matahora an' i Jehovah, ianareo olony masìna; fa tsy hanan-java-mahory izay matahotra Azy. **10** Na dia ny liona tanora aza tsy ampy hanina ka noana. Fa izay mitady an' i Jehovah kosa dia tsy ho orin-java-tsoa akory. **11** Avia, anaka, mihainoa ahy; ny fahatahorana an' i Jehovah no hampianariko anareo. **12** Na iza na iza ianao no maniry fiainana ka tia andro maro hahitana ny soa, **13** Dia arovy ny lelanao amin' ny ratsy ary ny molotrao mba tsy hiteny fitaka. **14** Halaviro ny ratsy, manaova soa; mitadiava fihavanana, ka araho izany. **15** Ny mason' i Jehovah dia mitsinjo ny marina, ary ny sofiny mihaino ny fitarainany. **16** Ny tavan' i Jehovah tezitra amin' ny mpanao ratsy kosa, mba hofongorany tsy ho eo amin' ny tany ny fahatsiarovana azy. **17** Mitaraina ny marina, ary mihaino azy Jehovah ka mamonjy azy amin' ny fahoriany rehetra. **18** Akaikin' izay manana fo mangorakoraka Jehovah, ary mamonjy izay torororo fanahy. **19** Maro ny fahorian' ny marina; nefa Jehovah manafaka azy amin' izany rehetra izany. **20** Miaro ny taolany rehetra izy; tsy hisy ho tapaka ireny na dia iray akory aza. **21** Hahafaty ny ratsy fanahy ny fahoriana; ary ny mankahala ny olo-marina hohelohina. **22** Fa Jehovah manavotra ny fanahin' ny mpanompony, ka tsy mba hisy hohelohina izay rehetra mialoka aminy.

35 Nataon' i Davida. **2** Raiso ny ampinga kely sy ny ampinga lehibe ka mitsangàna hamonjy ahy. **3** Ary raiso ny lefona, ka sakano izay manenjika ahy; lazao amin' ny fanahiko hoe: Famonjena anao Aho. **4** Aoka ho menatra sy ho afa-baraka izay mitady ny aiko; aoka hiamboho sy hangaihay izay misaina hanisy ratsy ahy. **5** Aoka ho tahaka ny akofa eo alohan' ny rivotra izy. Ary aoka ny Anjelin' i Jehovah handroaka azy. **6** Aoka ho maizina sy malama ny lalany, ary aoka ny Anjelin' i Jehovah hanenjika azy. **7** Fa tsy ahoan-tsy ahoana no nanaovany fandri-totofana hahazoany ahy; tsy ahoan-tsy ahoana no nandavahany hamandrihany ny aiko. **8** Aoka ny fandringanana ho tonga tampoka aminy; ary aoka hahazo azy ny fandrika harato nafeniny, ka ho latsaka ao amin' izany fandringanana izany indrindra izy. **9** Fa ny fanahiko kosa hifaly amin' i Jehovah sy ho ravoravo amin' ny famonjeny. **10** Ny taolako rehetra hanao hoe: Jehovah ô, iza no tahaka Anao, Izay manafaka ny ory amin' izay tsy tohany, eny, ny ory sy ny malahelo amin' izay mamabo azy? **11** Mitsangana ny vavolombelona mampidi-doza; ka izay tsy fantatro no anadinany ahy. **12** Mamaly ratsy ahy ho solon' ny soa izy, ka mamoy malala ny fanahiko. **13** Ary ny amiko, raha narary izy ireo, dia lamba fisaonana no nitafiako; nampahory ny tenako tamin' ny ny fifadian-kanina aho; ary ny fivavako nody tao an-tratrako. **14** Toy ny nisy nanjo ny sakaizako na ny rahalahiko no nandehanako; nitanondrika tamin' alahelo toy ny fisaona reny aho. **15** Nefa nony ho lavo kosa aho, dia faly izy ireo ka niangona; olona faraidina no nitangorona hamely ahy, nefa tsy fantatro; namiravira izy ka tsy mba nitsahatra; **16** Naman' ny olon-dratsy manendrikendrika ho enti-mila sitraka izy ka nihidy vazana tamiko. **17** Ry Tompo ô, mandra-pahoviana no hijerenao? Avereno ny fanahiko ho afaka amin' ny fandringanany, ny hany malalako ho afaka amin' ny liona tanora. **18** Hisaotra Anao eo amin' ny fiangonana lehibe aho; hidera Anao eo afovoan' ny olona maro aho. **19** Aoka tsy hifalian' izay mandrafy ahy foana aho; ary aoka tsy hami-maso izay mankahala ahy tsy ahoan-tsy ahoana. **20** Fa tsy fihavanana no lazainy; fa mamorom-pitaka izy hamelezany izay mibonaika ambonin' ny tany. **21** Dia mitanatana vava amiko izy ka manao hoe: Hià! sakoa izay! efa hita' ny masonay. **22** Efa hitanao, Jehovah ô, ka aza manentsin-tadiny; ry Tompo ô, aza manalavitra ahy. **23** Mahatsiarova, ka mifohaza ho amin' ny fitsaràna ahy, O Andriamanitro sy Tompoko! mifohaza ho amin' ny adiko. **24** Tsarao aho, Jehovah Andriamanitro ô, araka ny fahamarinanao; ary aoka tsy hifalian' ireo aho. **25** Aoka tsy hanao anakampo hoe izy: Hià! faly izahay! aoka tsy hanao hoe izy: efa natelinay izy. **26** Aoka ho menatra sy hangaihay avokoa izay mifaly amin' ny manjo ahy; aoka hitafy henatra sy fahafaham-baraka izay mirehareha amiko. **27** Aoka hihoby sy hifaly izay mankasitraka ny fahamarinako; ary aoka izy hanao mandrakariva hoe: hankalazaina anie Jehovah, Izay mankasitraka ny fiadanan' ny mpanompony. **28** Ary ny lelako hilaza ny fahamarinanao; ny fiderana Anao no hataoko mandrakariva.

36 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' i Davida, mpanompon' i Jehovah. Ny ota milaza ato am-poko ny amin' ny ratsy fanahy hoe: tsy misy fahatahorana an' Andriamanitra ao aminy. **2** Fa miarahaba tena izy ny amin' ny tsy hahitana ny helony ka hankahalana azy. **3** Ny tenin' ny vavany dia faharatsiana sy fitaka; efa nihadala izy ka nitsahatra tsy hanao soa. **4** Faharatsiana no saintsaininy eo am-pandriany; mitsangana eo amin' ny lalana tsy mety izy; ny ratsy tsy mba laviny akory. **5** Jehovah ô, mipaka amin' ny lanitra ny famindram-ponao; mihatra amin' ny rahona ny fahamarinanao. **6** Ny fahamarinanao dia tahaka ny tendrombohitra avo dia avo; ny fitsaranao dia toy ny lalina indrindra; ny olona sy ny biby dia samy vonjenao, Jehovah ô, **7** Endrey ny hatsaran' ny famindram-ponao, Andriamanitra ô! ka mialoka eo amin' ny aloky ny elatrao ny zanak' olombelona. **8** Voky ny matavy ao an-tranonao izy; ary ny ony fampifalianao no ampisotroanao azy. **9** Fa ao aminao no misy loharanon' aina; ny fahazavanao no hahitanay fahazavana. **10** Ampahareto amin' izay mahalala Anao ny famindram-ponao, ary ny fahamarinanao amin' ny mahitsy fo. **11** Aoka tsy hanitsaka ahy ny tongotry ny

mpiavonavona, na hampandositra ahy ny tanan' ny ratsy fanahy. **12** Indreo! efa lavo ny mpanao ratsy; naripaka izy ka tsy maharina.

37 Nataon' i Davida. **2** Fa hojinjana faingana tahaka ny ahitra izy ka halazo tahaka ny ahi-maitso. **3** Matokia an' i Jehovah ianao, ka manaova soa, dia honina amin' ny tany ianao ka ho faly amin' ny fahamarinana. **4** Ary miravoravoa amin' i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irin' ny fonao. **5** Ankino amin' i Jehovah ny lalanao, ary matokia Azy, fa hataony tanteraka. **6** Ary hampiseho ny fahamarinanao tahaka ny mazava Izy, ary ny rariny ho anao tahaka ny mitataovovonana. **7** Miantombena tsara miandry an' i Jehovah ianao ka manantenà Azy; Aza tezitra amin' izay ambinina amin' ny lalany dia amin' izay olona manao sain-dratsy. **8** Mitsahara amin' ny fahatezerana, ary mahafoiza ny fahavinirana; aoka tsy hirehitra ny fahatezeranao; fa ratsy no hiafaran' izany. **9** Fa ny mpanao ratsy hofongoro-na; Ary izay miandry an' i Jehovah no handova ny tany. **10** Fa rehefa afaka kelikely, dia tsy hisy ny ratsy fanahy; Handinika ny fonenany ianao, fa tsy ho hita izy. **11** Fa ny mpandefitra kosa no handova ny tany ka hiravoravo amin' ny haben' ny fiadanana. **12** Ny ratsy fanahy manao hevi-dratsy hamelezana ny maraina ka mihidy vazana aminy. **13** Ny tompo mihomehy azy, satria hitany fa ho tonga ny androny. **14** Ny ratsy fanahy nampitsoaka ny sabany ka nanenjana ny tsipìkany mba hampikarapoka ny ory sy ny malahelo, ary hamono ny mahitsy lalana. **15** Ny sabany hitsatoka amin' ny fony ihany, ary ny tsipìkany ho tapatapaka. **16** Tsara lavitra ny kely ananan' ny ratsy fanahy maro. **17** Fa ny sandrin' ny ratsy fanahy ho tapatapaka; Fa Jehovah manohana ny marina. **18** Fantatr' i Jehovah ny andron' ny mahitsy; Ary ny lovany ho mandrakizay. **19** Tsy mba ho menatra amin' ny andro fahoriana ireny; ary amin' ny taona mosarena dia ho voky izy. **20** Fa ny ratsy fanahy haringana, ary ny fahavalon' i Jehovah ho tahaka ny voninahitry ny saha; Ho levona izy, eny, ho levon-ko setroka izy. **21** Misambotra ny ratsy fanahy, nefa tsy manohitra; Fa ny marina kosa mamindra fo ka manome. **22** Fa izay tahìny no handova ny tany; Ary izay ozoniny kosa no hofongorana. **23** Avy amin' i Jehovah no mahalavorary ny dian' ny olona, ka Izy no mankasitraka ny lalany. **24** Na dia lavo aza izy, tsy dia mikarapoka, fa Jehovah no mitantana azy. **25** Efa mba tanora ihany aho, ary efa antitra ankehitriny; Fa tsy mbola hitako mangataka hanina. **26** Miantra mandrakariva ireny ka mampisambotra; ary ny taranany hotahina. **27** Halaviro ny ratsy, ka manaova soa. Dia honina mandrakizay ianao. **28** Fa Jehovah tia rariny sady tsy hahafoy ny olony masìna; Harovana mandrakizay ireo; Fa taranaky ny ratsy fanahy hofongorana, **29** Ny marina handova ny tany Ka honina ao aminy mandrakizay **30** Ny vavan' ny marina miresaka fahendrena, Ary ny lelany manambara ny rariny. **31** Ny lalàn' Andriamaniny no ao am-pony; Tsy mba ho solafaka ny diany. **32** Mitsikilo ny marina ny ratsy fanahy ka mitady hahafaty azy. **33** Jehovah tsy hahafoy azy eo an-tanany. Na hanameloka azy, raha tsaraina izy. **34** Miandrasa an' i Jehovah, ka tandremo ny lalàny, dia hanandratra anao handova ny tany Izy; Ho faly hahita ny hamongorana ny ratsy fanahy ianao. **35** Efa hitako ny ratsy fanahy, fa loza loatra izy, ary nandrahaka tahaka ny hazo maitso maniry ho azy; **36** Kanjo nandalo izy ka, indro, tsy teo intsony; Ary nitady azy ka, tsy hita izy. **37** Diniho ny mahitsy, ka jereo ny marina; Fa misy farany ho an' ny olona tia fihavanana. **38** Fa ny mpanota haringana avokoa; Ny hihafaran' ny ratsy fanahy ho fongotra. **39** Fa ny famonjena ny marina dia avy amin' i Jehovah; Fiarovana mafy ho azy amin' ny andro fahoriana Izy. **40** Ary Jehovah mamonjy azy sy manafaka azy; eny, manafaka azy amin' ny ratsy fanahy Izy ka mamonjy azy, satria nialoka taminy izy.

38 Salamo nataon' i Davida. Ho fampahatsiarovana. Jehovah ô, aza ny fahatezeranao no ananaranao ahy; ary aza ny fahaviniranao no amaizanao ahy. **2** Fa mitsatoka amiko ny zana-tsipìkanao, ary manindry ahy mafy ny tananao, **3** Tsy misy fahasalamana ny nofoko noho ny fahatezeranao; tsy misy tsy marary ny taolako noho ny fahotako. **4** Fa ny heloko efa mihoatra ny lohako; tahaka ny entana mavesatra izy ka tsy zakako. **5** Maimbo sady mihady ny feriko noho ny hadalako. **6** Mitanondrika sy mijoretra indrindra aho, ary misaona mandrakariva. **7** Ary ny vaniako henika ny aretina mahamay, ka tsy misy fahasalamana ny nofoko. **8** Marikoditra aho sady torovana indrindra; midradradradra aho noho ny fitolokon' ny foko. **9** Ry Tompo ô, eo anatrehanao ny faniriako rehetra; ary ny fisentoako tsy mba miafina aminao. **10** Miemponempona ny foko, lany ny heriko, ary ny fahiratan' ny masoko aza efa nandao ahy. **11** Ny olo-malalako sy ny sakaizako aza efa manalavitra ny fahoriako; Ary ny havako mijanona eny lavitra eny. **12** Mamela-pandrika izay mitady ny aiko; ary izay mitady hanimba ahy miteny fanimbana, sy misaim-pitaka mandrakariva. **13** Fa izaho dia tahaka ny marenina ka tsy mandre, ary tahaka ny moana ka tsy mahaloa-bava; **14** Eny, dia tahaka ny olona tsy mandre, sady tsy misy teny havaly eo am-bavany. **15** Fa ianao no antenaiko Jehovah ô; ianao no hamaly, ry Tompo Andriamanitra ô. **16** Fa hoy izaho: sao dia hifalian' izy ireo anie aho; ary raha mibolisatra ny tongotro, dia hirehareha amiko izy. **17** Fa efa ho lavo aho, ary ny fanaintainako dia tsaroako mandrakariva. **18** Fa ny heloko no hambarako; matahotra aho noho ny fahotako. **19** Fa ny fahavaloko velona ihany sady mahery; ary maro no mandrafy ahy tsy ahoan-tsy ahoana; **20** Ary mamaly ratsy ny soa izy ireo ka mandrafy ahy ho valin' ny fanarahako ny tsara. **21** Aza mahafoy ahy, Jehovah ô; Ry Andriamanitro ô, aza manalavitra ahy. **22** Faingàna hamonjy ahy, ry Tompo, Mpamonjy ahy ô.

39 Ho an' ny mpiventy hira. Ho an' i Jedotona Salamo nataon' i Davida. Hoy izaho: hitandrina ny lalako aho ka tsy hanota amin' ny lelako; hasiako fehim-bava ny vavako, raha mbola eo anatrehako ny ratsy fanahy. **2** Nangina mihitsy aho, namihim-bava ka tsy nilaza na dia ny tsara aza, dia nihetsika mafy ny fanaintainan' ny aretiko. **3** Nafana ny foko tato anatiko; raha nieritreritra aho, dia nisy

afo nirehitra, ka niteny tamin' ny lelako aho. **4** Jehovah ô, ampahafantaro ny farako aho sy izay ohatry ny androko; aoka ho fantatro fa olon-kandalo aho. **5** Indro efa nataonao vodivoam-pelatanana ny androko, ary ny fiainako toy ny tsinontsinona eo anatrehanao. Zava-poana ihany tokoa ny olon-drehetra, na dia matanjaka aza. (Sela) **6** Aloka tokoa no fandehandehan' ny olona; zava-poana tokoa no itabatabàny; mihary harena izy nefa tsy fantany izay ho tompon' izany. **7** Ary ankehitriny, inona no andrasako Tompo ô? Hianao no antenaiko. **8** Manafaha ahy amin' ny fahadisoako rehetra; aza manao ahy ho fanakoran' ny adala. **9** Mangìna aho ka tsy miloa-bava fa ianao no nanao izao. **10** Aoka hitsahatra ny fikapohanao ahy; reraka aho azon' ny famelin' ny tananao. **11** Anatra noho ny fahadisoany no ananaranao ny olona, ka manimba ny hatsaran-tarehiny tahaka ny kalalao ianao; zava-poana tokoa ny olona rehetra. (Sela) **12** Mandrenesa ny fivavako Jehovah ô, ary mihainoa ny fitarainako; aza mangìna amin' ny ranomasoko fa vahiny aminao aho sy mpivahiny tahaka ny razako rehetra. **13** Aza atrehinao aho aloha, dia ho miramirana indray, dieny aho tsy mbola lasa ka tsy ho eto intsony.

40 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Niandry dia niandry an' i Jehovah aho; ary nitodika nitsinjo ahy Izy ka nandre ny fitarainako. **2** Dia nampakatra ahy avy tao amin' ny lavaka fandringanana Izy, eny, tamin' ny fotaka mandrevo; ary nampitoetra ny tongotro teo ambony vatolampy Izy ka nampijoro ahy. **3** Ary nanisy fihirambaovao teo am-bavako Izy, dia fideràna an' Andriamanitsika; maro no hahita sy hatahotra ary hatoky an' i Jehovah. **4** Sambatra izay olona manao an' i Jehovah ho tokiny, ka tsy mivily ho naman' ny mpiavonavona na ny mpivadika ho amin' ny lainga. **5** Nohamaroinao ny fahagaganao sy ny hevitrao izay nataonao ho anay, Jehovah Andriamanitra ô. Tsy misy azo ampitahaina aminao Raha tiako hambara sy holazaina ireny, dia, indro, maro loatra izy ka tsy tambo isaina. **6** Ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hohanina tsy mba sitrakao ny sofiko nataonao malady ny fanatitra dorana sy ny fanatitra noho ny ota tsy mba nilainao; **7** Dia hoy izaho: inty aho tonga ao amin' ny horonam-boky no nanoratana ahy. **8** Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô, no sitrako; ary ny lalanao no ato anatiko. **9** Efa nilaza teny mahafaly ny amin' ny fahamarinana teo amin' ny fiangonana lehibe aho; indro ny molotro tsy mba nakomboko; Jehovah ô, Hianao no mahalala. **10** Ny fahamarinanao tsy mba nafeniko tato ampoko; ny fahamarinanao sy ny famonjenao no nambarako; tsy nanafina ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao tamin' ny fiangonana lehibe aho. **11** Hianao, Jehovah ô, aza miaro ny antranao tsy ho amiko; aoka ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao hiaro ahy mandrakariva. **12** Fa nanodidina ahy ny fahoriana tsy tambo isaina; nahazo ahy ny heloko, ka tsy mahay mijery aho; maro noho ny volon-dohako ireny, ka reraka ny foko. **13** Aoka ho sitraky ny fonao, Jehovah ô, ny hanafaka ahy; Jehovah ô, faingàna hamonjy ahy. **14** Aoka ho indray menatra sy mangaihay izay mitady hanimba ny aiko; aoka hiamboho sy ho menatra izay mankasitraka ahy ho ory. **15** Aoka ho ankona noho ny fahamenarany ireny manao amiko hoe: Hià! sakoa izay! **16** Aoka ho faly sy ho ravoravo aminao izay rehetra mitady Anao; aoka izay rehetra tia ny famonjenao hanao mandrakariva hoe: hankalazaina anie Jehovah. **17** Fa na dia ory sy malahelo aza aho, ny Tompo no mihevitra ahy; Mpamonjy sy Mpanafaka ahy Hianao; aza ela, Andriamanitro ô.

41 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Sambatra izay mahatsiaro ny malahelo; Jehovah hamonjy azy amin' ny andro fahoriana. **2** Jehovah hitandrina sy hiaro azy tsy ho faty; hatao ho sambatra ambonin' ny tany izy, ary tsy mba hatolotrao amin' ny sitrapon' ny fahavalony. **3** Jehovah hanohana azy eo ambonin' ny farafara hitsaboana azy. Ny fandriany rehetra eo am-pahararian y dia hovanao. **4** Hoy izaho: Jehovah ô, mamindrà fo amiko; sitrano ny fanahiko, fa efa nanota taminao aho. **5** Ny fahavaloko maniry ahy ho simba ka manao hoe: Rahoviana no ho faty izy, ka ho very ny anarany? **6** Ary raha avy mamangy, izy dia miteny zava-poana; ny fony mamory faharatsiana ho an' ny tenany; mivoaka eny ivelany izy ka milazalaza. **7** Mitakoritsika ahy izay rehetra mankahala ahy; misaina hanisy ratsy ahy izy. **8** Tena zava-dratsy, hoy izy, no aidina aminy; ary raha mandry izy dia tsy hitsangana intsony. **9** Eny, ny sakaizako, izay maha-toky ahy sady nihinana ny haniko, no nanangana ny ombelahin-tongony hamely ahy. **10** Fa ianao kosa Jehovah ô, mamindrà fo amiko, ka atsangano aho mba hamaliako azy. **11** Izao no hahafantarako fa mankasitraka ahy Hianao, dia ny tsy anakoran' ny fahavaloko ahy. **12** Ary ny amiko, dia manohana ahy amin' ny fahitsiako Hianao, ka mampitoetra ahy eo anatrehanao mandrakizay. **13** Isaorana anie Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, hatramin' ny taloha indrindra ka mandrakizay. Amena dia Amena.

42 Ho an' ny mpiventy hira. Maskila. Nataon' ny Koraïta. Tahaka ny diera mihanahana maniry ny rano an' ony no anirian' ny fanahiko Anao, Andriamanitra ô. **2** Mangetaheta an' Andriamanitra ny fanahiko, dia Andriamanitra velona; Rahoviana no ho tonga aho ka hiseho eo anatrehan' Andriamanitra? **3** Ny ranomasoko no fiahiko andro aman' alina, amin' ny anaovany ahy mandrakariva hoe: Aiza izay Andriamanitrao? **4** Izao zavatra izao no hotsarovako, ka haidiko ato anatiko ny fanahiko, dia ny nandrosoako niaraka tamin' ny maro, sy ny nitarihako azy ho any an-tranon' Andriamanitra, nanao feo mihoby sy midera, dia olona maro izay nitandrina ny andro firavoravoana. **5** Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko, ka mitoloko ato anatiko? Manantenà an' Andriamanitra ianao, fa mbola hidera Azy ihany aho noho ny famonjen' ny tavany. **6** Andriamanitro ô, mitanondrika ato anatiko ny fanahiko; Izany no ahatsiarovako Anao eo amin' ny tanin' i Jordana sy amin' ireo Hermona ary amin' ny tendrombohitra Mizara. **7** Ny lalina miantso ny lalina noho ny firohondrohon' ny riananao; ny onjanao rehetra sy ny alon-dranonao efa nanafotra ahy. **8** Jehovah handidy ny famindram-pony nony andro, ary ho amiko

nony alina ny fihirana Azy, dia vavaka amin' Andriamanitry ny aiko. **9** Hoy izaho amin' Andriamanitra Vatolampiko: nahoana no nanadino ahy Hianao? nahoana no mandeha mijoretra aho noho ny fampahorian' ny fahavaloko? **10** Toy ny zavatra mahatorotoro ny taolako no fandatsan' ny fahavaloko ahy, ka hoy izy isan' andro: Aiza izay Andriamanitrao? **11** Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko? ary nahoana no mitoloko ato anatiko ianao? Manantenà an' Andriamanitra, fa mbola hidera Azy ihany aho, Izy no famonjena ny tavako sady Andriamanitro.

43 Omeo rariny aho, Andriamanitra ô, ary alaharo ny teniko haharesy ny firenena tsy misy famindram-po; Vonjeo aho ho afaka amin' ny lehilahy mpamitaka sy mpanao meloka. **2** Fa Hianao no Andriamanitry ny heriko; Nahoana no manary ahy Hianao? Nahoana no mandeha mijoretra aho noho ny fampahorian' ny fahavaloko? **3** Ampandehano ny fahazavanao sy ny fahamarinanao; aoka hitarika ahy ireo ka hitondra ahy ho any an-tendrombohitrao masìna, dia ho any amin' ny tabernakelinao. **4** Dia hankany amin' ny alitaran' Andriamanitra aho, dia any amin' Andriamanitry ny fifaliako indrindra; ary hidera Anao amin' ny lokanga aho, ry Andriamanitra ô, dia Andriamanitro. **5** Nahoana no mitanondrika ianao ry fanahiko? ary nahoana no mitoloko ato anatiko ianao? manantenà an' Andriamanitra, fa mbola hidera Azy ihany aho. Izy no famonjena ny tavako sady Andriamanitro.

44 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' ny Koraïta. Maskila. Ny sofinay no nandrenesanay, Andriamanitra ô, ny razanay nilaza taminay ny asa nataonao tamin' ny androny, dia tamin' ny andro fahiny. **2** Ny tananao no nandroahanao ny firenen-tsamy hafa, fa izy kosa nampitoerinao; efa nampahorinao ny firenena maro, fa izy kosa nataonao mahafeno tany. **3** Fa tsy ny sabany no nahazoany ny tany, ary tsy ny sandriny no namonjy azy; fa ny tananao ankavanana sy ny sandrinao ary ny fahazavan' ny tavanao, satria efa sitrakao izy. **4** Hianao dia Hianao no Mpanjakako, Andriamanitra ô; Mandidia famonjena ho an' i Jakoba. **5** Hianao no hanosehanay ny fahavalonay; ny anaranao no hanitsahanay izay mitsangana hamely anay. **6** Fa tsy ny tsipikako no itokiako, ary ny sabatro tsy hahavonjy ahy. **7** Fa namonjy anay tamin' ny fahavalonay Hianao, ary ny nankahala anay dia nataonao menatra. **8** Andriamanitra no ankalazainay mandrakariva; ary ny anaranao no hoderainay mandrakizay. (Sela) **9** Fa efa nanary anay ianao ka nampahamenatra anay, ary tsy mba mivoaka miaraka amin' ny antokon' ny miaramilanay Hianao. **10** Ataonao miamboho ny fahavalonay izahay, koa ny mankahala anay dia nanaram-po namabo. **11** Atolotrao tahaka ny ondry hohanina izahay, ary aelinao any amin' ny firenen-tsamy hafa. **12** Mivarotra ny olonao tsy vola tsy harena Hianao, ka tsy mahazo tombony amin' ny vidiny. **13** Ataonao fandatsan' ny olona miray monina aminay izahay, dia fanakora sy faneson' izay manodidina anay. **14** Ataonao ho ambentinteny amin' ny firenen-tsamy hafa izahay, dia fihifikifihan-doha amin' ny olona maro. **15** Tsaroako mandrakariva ny fahafaham-boninahitro, ary efa manafotra ahy ny fangaihaizako, **16** Noho ny feon' ny mpanaratsy sy ny mpanamavo, noho ny fahavalo sy ny mpamaly ratsy. **17** Izany rehetra izany no manjo anay, nefa tsy manadino anao izahay ary tsy mivadika ny fanekenao. **18** Tsy mihemotra ny fonay, ary tsy miala amin' ny lalanao ny dianay. **19** Nefa Hianao nanorotoro anay teo amin' ny fitoeran' ny amboadia sy nanarona anay tamin' ny aloky ny fahafatesana. **20** Raha nanadino ny anaran' Andriamanitray izahay, na nananty tanana tamin' ny andriamani-kafa, **21** Tsy handinika izany va Andriamanitra? Fa Izy mahalala ny miafina ao am-po. **22** Fa noho ny aminao no amonoana anay mandrakariva; toy ny ondry hovonoina no fijery anay. **23** Mifohaza, ry Tompo ô, nahoana no matory Hianao? Mitsangàna, aza manary mandrakizay. **24** Nahoana no manafina ny tavanao Hianao, ka manadino ny fahantranay sy ny fahorianay? **25** Fa miankohoka amin' ny vovoka ny fanahinay, miraikitra amin' ny tany ny kibonay. **26** Mitsangàna hamonjy anay, ary avoty izahay araka ny famindram-ponao.

45 Ho an' ny mpiventy hira. Al-shoshanim. Nataon' ny Koraïta. Maskila. Tonon-kiram-pitiavana. Mampiboiboika teny tsara ny foko; miteny aho, ka ny hilaza ny mpanjaka no teny ataoko; fanoratan' ny faingan-tsoratra ny lelako. **2** Tsara tarehy noho ny zanak' olombelona ianao; fahasoavana no naidina tamin' ny molotrao; izany no nitahian' Andriamanitra anao mandrakizay. **3** Fehezo eo am-balahanao ny sabatrao, ry ilay mahery, dia ny fiandriananao sy ny voninahitrao. **4** Ary mitangena handroso soa aman-tsara amin' ny voninahitrao, noho ny teny marina ny fahalemem-panahim-pahamamarinana; ary hampianatra anao zava-mahatsiravina ny tananao ankavanana. **5** Ny zana-tsipìkanao dia voaranitra — Firenena maro no ringana ka hitsakitsahinao — ka mitsatoka ao am-pon' ny fahavalon' ny mpanjaka. **6** Ny seza fiandriananao, Andriamanitra ô, dia mandrakizay doria; tehim-pahamarinana ny tehim-panjakanao. **7** Tianao ny fahamarinana, fa halanao ny heloka; koa Andriamanitra, dia Andriamanitrao, efa nanosodiloilo fifaliana anao mihoatra noho ny namanao. **8** Miora sy hazo manitra ary kasia ny fitafianao rehetra, zavamaneno avy ao amin' ny lapa ivory no mampifaly anao. **9** Zanakavavin' andriamanjaka no isan' ny malalanao; eo ankavananao no itoeran' ny vadin' ny mpanjaka, miravaka volamena avy any Ofira. **10** Henoy, razazavavy, dia jereo, ka atongilano ny sofinao, ary hadinoy ny firenenao sy ny tranon-drainao; **11** Raha irin' ny mpanjaka ny hatsarantarehinao — fa izy no tomponao — dia miankohofa eo anatrehany. **12** Ary ny zanakavavin' i Tyro hitondra fanatitra; eny, ny manan-karena amin' ny vahoaka hila sitraka aminao. **13** Be voninahitra ny zanakavavin' ny mpanjaka ao anaty trano; tenona misy volamena no fitafiany. **14** Mitafy lamba misoratsoratra izy ka entina ho ao amin' ny mpanjaka: ny zazavavy sakaizany izay manaraka azy dia entina ao aminao. **15** Entina amin' ny fifaliana sy ny firavoravoana ireny; hiditra ao an-dapan' ny mpanjaka izy. **16** Ho solondrainao ny zanakao, hotendrenao ho mpanapaka eny amin' ny tany rehetra izy. **17** Hampahatsiaro ny anaranao

hatramin' ny taranaka fara mandimby aho. Izany rehetra izany no hideran' ny firenena anao mandrakizay doria.

46 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' ny Koraïta; Atalamoth; Tonon-kira. Andriamanitra no aro sy hery ho antsika; Mpamonjy mora azo indrindra amin' ny fahoriana Izy. **2** Koa izany no tsy hatahorantsika, na dia ho levona aza ny tany, na mifindra ho ao anatin' ny ranomasina aza ny tendrombohitra, **3** Na mirohondrohona sy misamboaravoara aza ny onjany, ka mihorohoro ny tendrombohitra noho ny fisafoakany. (Sela) **4** Misy ony, koa ny sampany dia mampifaly ny tanànan' Andriamanitra, Fonena-masin' ny Avo Indrindra. **5** Andriamanitra no eo afovoany, ka tsy mba hihetsika izy; Andriamanitra no hamonjy azy, rehefa madiva ho maraina ny andro. **6** Nitabataba ny firenen-tsamy hafa, nikotrankotrana ny fanjakana maro; nanonona ny feony Izy, ka niempo ny tany. **7** Jehovah, Tompon' ny maro, no momba antsika; Andriamanitr' i Jakoba no fiarovana avo ho antsika. (Sela) **8** Avia, jereo ny asan' i Jehovah, izay mahatonga faharavana etỳ an-tany; **9** Mampitsahatra ady hatramin' ny faran' ny tany Izy; manapaka ny tsipìka sy manito ny lefona Izy, ary mandoro ny sariety amin' ny afo. **10** Mitsahara, ka aoka ho fantatrareo fa Izaho no Andriamanitra; hisandratra amin' ny firenen-tsamy hafa Aho, hisandratra amin' ny tany Aho. **11** Jehovah, Tompon' ny maro, no momba antsika; Andriamanitr' i Jakoba no aro ho antsika. (Sela)

47 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' ny Koraïta. Salamo. Mitehafa tanana, ry firenena rehetra; mihobia ho an' Andriamanitra. **2** Fa Jehovah no avo indrindra ka tokony hatahorana; Mpanjaka lehibe ambonin' ny tany rehetra Izy. **3** Mandresy firenena maro Izy ho ambanintsika, ary firenen-tsamy hafa ho ambanin' ny tongotsika. **4** Mifidy ny lovantsika ho antsika Izy, dia ny voninahitr' i Jakoba izay tiany. (Sela) **5** Efa niakatra tamin' ny fihobiana Andriamanitra, Jehovah niakatra tamin' ny fitsofana ny anjomara. **6** Mankalazà an' Andriamanitra, eny mankalazà; mankalazà ny Mpanjakantsika, eny, mankalazà. **7** Fa Mpanjaka amin' ny tany rehetra Andriamanitra; mahaiza mankalaza tsara ianareo. **8** Andriamanitra manjaka amin' ny firenen-tsamy hafa; Andriamanitra mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianany masìna. **9** Ny mpanapaka ny firenen-tsamy hafa miangona ho olon' Andriamanitr' i Abrahama; fa an' Andriamanitra ny ampingan' ny tany; Avo indrindra Izy.

48 Tonon-kira. Salamo nataon' ny Koraïta. Lehibe Jehovah ka mendrika hoderaina indrindra, ao antanànan' Andriamanitsika, ao an-tendrombohiny masìna. **2** Avo mahafinaritra, fifalian' ny tany rehetra, ny tendrombohitra Ziona, eo amin' ny ilany avaratra, tanànan' ny Mpanjaka lehibe. **3** Andriamanitra ao an-tranon' andriana ao dia nanao izay hahafantarana Azy ho fiarovana avo. **4** Fa he! niangona ny mpanjaka maro, niara-nandroso avokoa izy. **5** Nijery izy ka talanjona terỳ; Very hevitra izy ka nalaky nandositra; **6** Hovitra no nahazo azy teo, dia tahaka ny fanaintainan' ny vehivavy raha miteraka. **7** Amin' ny rivotra avy any atsinanana no namakianao ny sambon' i Tarsisy. **8** Araka izay efa rentsika no hitantsika, tao an-tanànan' i Jehovah, Tompon' ny maro, tao antanànan' Andriamanitsika. Andriamanitra mampitoetra azy mandrakizay. (Sela) **9** Efa nieritreritra ny famindram-ponao izahay, Andriamanitra ô, tao anatin' ny tempolinao. **10** Araka ny anaranao, Andriamanitra ô, no fiderana Anao hatramin' ny faran' ny tany; feno fahamarinana ny tananao ankavanana. **11** Aoka hifaly ny tendrombohitra Ziona, aoka ho ravoravo ny zanaka-vavin' Joda, noho ny fitsaranao. **12** Manodidina an' i Ziona ianareo, eny, mandehana manodidina azy; isao ny tilikambony, **13** Hevero tsara ny mandany, diniho ny tranon' andrianany, mba hambaranareo amin' ny taranaka mandimby. **14** Fa izany no Andriamanitra, dia Andriamanitsika mandrakizay doria; Izy no hitarika antsika na dia hatramin' ny fahafatesana aza.

49 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' ny Koraïta. Salamo. Mandrenesa izao, ry firenena rehetra; mihainoa, ry mponina rehetra amin' izao tontolo izao: **2** Na ny ambany, na ny ambony, na ny manan-karena, na ny malahelo. **3** Ny vavako hiteny fahendrena; ary ny fieritreretan' ny foko dia fahalalana. **4** Hanongilana ny sofiko hihaino oha-teny aho, ary hanonona teny saro-pantarina ampiarahiko amindokanga. **5** Nahoana no hatahotra amin' ny andro fahoriana aho, nony manodidina ahy ny haratsian' ny mpamingana ahy, **6** Dia izay matoky ny hareny, Sy mirehareha amin' ny haben' ny fananany? **7** Tsy misy mahavotra ny rahalahiny akory, na mahazo manome an' Andriamanitra izay avony, **8** (Fa sarotra avotra ny ainy ka tsy azo atao mandrakizay), **9** Mba ho velona mandrakizay izy, ka tsy ho latsaka ao amin' ny lavaka. **10** Fa hita fa maty ihany ny olon-kendry; ary ny adala sy ny ketrina samy levona, ka mamela ny fananany ho an' ny hafa. **11** Araka ny heviny dia ataony fa ho mandrakizay ny tranony, ary ny fonenany hahatratra ny taranaka fara mandimby; araka ny anarany no anononany ny taniny. **12** Nefa na dia manana voninahitra aza ny olona, dia tsy maharitra izy; tahaka ny biby izay samy tsy maintsy ho faty izy. **13** Izany no falehan' ny olona adala; ary ny taranany mandimby azy mankasitraka ny teniny. (Sela) **14** Tahaka ny fanangona ondry no fanangona azy any amin' ny fiainan-tsi-hita; ny fahafatesana no mpiandry azy; ary hanapaka azy ny mahitsy nony maraina; ary ny bikany ho levona any amin' ny fiainan-tsi-hita, ka tsy hisy fonenany. **(Sheol h7585)** **15** Fa Andriamanitra kosa hamonjy ny aiko amin' ny herin' ny fiainan-tsi-hita, Satria handray ahy Izy. (Sela) **(Sheol h7585)** **16** Aza matahotra ianao, raha misy olona tonga manan-karena, ka mitombo ny voninahitry ny tranony; **17** Fa tsy hitondra na inona na inona izy, raha maty; tsy mba hidina hanaraka azy ny voninahiny. **18** Na dia miarahaba tena aza izy, raha mbola velona — Fa hidera anao ny olona, raha manisy soa ny tenanao ianao — **19** Dia hankany amin' ny razany izy, tsy hahita ny mazava intsony mandrakizay ireny. **20** Izay olona manana voninahitra, nefa tsy manan-tsaina, dia tahaka ny biby izay samy tsy maintsy ho faty.

50 Salamo nataon i Asafa. **2** Avy ao Ziona, izay tena fahatsaran-tarehy, no amirapiratan' Andriamanitra. **3**

Avy Andriamanitsika ka tsy hangina; afo no mandevona eo alohany, ary tafio-drivotra mahery no manodidina Azy. **4** Miantso ny lanitra any ambony Izy, sy ny tany koa, mba hitsaràny ny olony: **5** Angony etỳ amiko ny oloko masìna izay manao fanekena amiko amin' ny fanatitra. **6** Hasehon' ny lanitra ny fahamarinany; fa Andriamanitra no Mpitsara. (Sela) **7** Mihainoa, ry oloko, fa hiteny Aho; Ry Isiraely ô, fa hanambara aminao Aho; Izaho no Andriamanitra, dia Andriamanitrao. **8** Tsy ny fanatitrao no ananarako anao, ary efa eo anatrehako mandrakariva ny fanatitra doranao. **9** Tsy maka vantotr' ombilahy amin' ny tranonao Aho, na osilahy amin' ny valanao; **10** Fa Ahy ny biby rehetra any an' ala, sy ny biby fiompy arivoarivo eny an-tendrombohitra. **11** Fantatro ny vorona rehetra eny an-tendrombohitra; ary eto amiko ny zava-mihetsiketsika eny an-tsaha. **12** Raha mba noana Aho, dia tsy hilaza aminao; fa Ahy izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy. **13** Hihinana ny nofon' ombilahy va Aho, na hisotro ny ran' osilahy? **14** Manatera fanati-pisaorana ho an' Andriamanitra; ary efao amin' ny Avo Indrindra ny voadinao; **15** Antsoy Aho amin' ny andro fahoriana, dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy ianao. **16** Fa amin' ny ratsy fanahy kosa dia hoy Andriamanitra: ahoana no itorianao ny lalàko sy itondranao ny fanekeko eo am-bavanao? **17** Fa ianao mankahala fananarana, ary arianao eo ivohonao ny teniko. **18** Raha mahita mpangalatra ianao, dia faly hikambana aminy, ary miray anjara amin' ny mpijangajanga. **19** Ny vavanao alefanao hiteny ratsy, ary ny lelanao mamorom-pitaka. **20** Mipetraka miteny ratsy ny rahalahinao ianao, sady manendrikendrika ny zanakalahin-dreninao. **21** Izany no nataonao, nefa nangina ihany Aho, ka dia nataonao fa mitovy aminao ihany Aho! Hananatra anao Aho ka handahatra izany eo imasonao. **22** Mihevera izany ankehitriny, ianareo izay manadino an' Andriamanitra, fandrao hamiravira Aho, ka tsy hisy hamonjy. **23** Izay manatitra fanati-pisaorana no manome voninahitra Ahy; ary izay mitandrina ny lalany no hanehoako ny famonjen' Andriamanitra.

51 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida, fony Natana mpaminany nankao aminy rehefa naka an' i Batseba izy. Mamindrà fo amiko, Andriamanitra ô, araka ny fahasoavanao; araka ny haben' ny fiantranao vonoy ny fahadisoako. **2** Sasao madio aho mba ho afa-keloka, ary diovy aho mba ho afa-pahotana. **3** Fa tsaroako ny fahadisoako, ary eo anatrehako mandrakariva ny fahotako. **4** Taminao dia taminao ihany no nanotako, ary izay ratsy eo imasonao no efa nataoko, mba ho marina Hianao, raha miteny, ary tsy hanan-tsiny Hianao, raha mitsara. **5** Indro, tamin' ny heloka no niterahana ahy, ary tamin' ny fahotana no torontoronina ahy ny reniko. **6** Indro, fahamarinana ao am-po no sitrakao; ary fahendrena ao amin' ny miafina no ampahafantarinao ahy. **7** Diovy hysopa aho ho afa-pahotana, dia hadio; sasao aho, dia ho fotsy mangatsakatsaka. **8** Ampandreneso fifaliana sy faharavoravoana aho, hifalian' ny taolana izay voavakivakinao. **9** Afeno ny tavanao ny fahotako ary vonoy ny heloko rehetra. **10** Amorony fo madio aho, Andriamanitra ô; ary havaozy hiorina marina ny fanahiko ato anatiko. **11** Aza manary ahy hiala eo anatrehanao; ary aza manaisotra ny Fanahinao Masìna amiko. **12** Ampodio amiko ny fifaliana amin' ny famonjenao; ary tohàny fanahy mazoto aho. **13** Dia hampianatra ny olon-diso ny lalanao aho; ary ny mpanota hampiverenina aminao. **14** Vonjeo ho afaka amin' ny valindrà aho, Andriamanitra ô, Andriamanitry ny famonjena ahy; hihoby ny fahamarinanao ny vavako. **15** Tompo ô, sokafy ny molotro, dia hanambara ny fiderana Anao ny vavako. **16** Fa tsy fanatitra no sitrakao; raha izany dia nomeko ihany; ny fanatitra dorana tsy mahafaly Anao. **17** Ny fanatitra ho an' Andriamanitra dia fanahy torotoro; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona. **18** Manaova soa amin' i Ziona araka ny fahasoavanao; ataovy ny mandan' i Jerosalema. **19** Dia ho sitrakao ny fanati-pahamarinana sy ny fanatitra dorana ary ny fanatitra levonina amin' ny afo; dia hanatitra vantotr' ombilahy eo amin' ny alitaranao ny olona.

52 Ho an' ny mpiventy hira. Maskila nataon' i Davida, fony tonga Doega Edomita ka nilaza tamin' i Saoly hoe: Davida dia efa tonga ao an-tranon' i Ahimeleka. Nahoana no mandoka tena amin' ny haratsiana ianao, ry ilay mahery? Ny famindram-pon' Andriamanitra maharitra mandrakariva. **2** Loza no heverin' ny lelanao, tahaka ny hareza maranitra, ry mpanao fitaka. **3** Efa tia ny ratsy noho ny tsara ianao, ary ny lainga noho ny miteny ny marina. (Sela) **4** Ny teny mandripaka rehetra no tianao, ry lela mamitaka. **5** Andriamanitra kosa hanimba anao mandrakizay; hisambotra anao sy hanongotra anao hiala ao an-day Izy, ary hamongotra anao tsy ho eo amin' ny tanin' ny velona. (Sela) **6** Ny marina hijery, dia hatahotra ka hihomehy azy hoe: **7** Indro, ny lehilahy izay tsy nanao an' Andriamanitra ho heriny; fa natoky ny haben' ny hareny ka nikikitra tamin' ny faharatsiany. **8** Fa izaho dia tahaka ny hazo oliva maitso ao an-tranon' Andriamanitra. Matoky ny famindram-pon' Andriamanitra mandrakizay doria aho. **9** Hidera Anao mandrakizay aho, fa efa nataonao izany; ary hiandry ny anaranao eo anatrehan' ny olonao masìna aho, fa tsara izany.

53 Ho an' ny mpiventy hira. Al-mahalath. Maskila nataon' i Davida. Ny adala manao anakampo hoe: tsy misy Andriamanitra. Manao izay ratsy sy vetaveta izy, tsy misy manao ny tsara. **2** Eny an-danitra Andriamanitra miondrika mijery ny zanak' olombelona, mba hizaha na misy hendry mitady an' Andriamanitra. **3** Samy efa nivily izy rehetra ka tonga vetaveta avokoa; tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza. **4** Tsy mahalala va ny mpanao ratsy, izay mihinana ny oloko toy ny fihinan-kanina, ary Andriamanitra tsy antsoiny? **5** Indreo, matahotra dia matahotra ireny, nefa tsy nisy tokony hatahorany; fa Andriamanitra efa nanely ny taolan' izay nitoby hamely anao; nampahamenatra azy ianao, satria efa narian' Andriamanitra izy. **6** Enga anie ka hivoaka avy ao Ziona ny famonjena ny Isiraely! raha ampodin' Andriamanitra avy amin' ny fahababoana ny olony, dia ho faly Jakoba, ary ho ravoravo Isiraely.

54 Ho an' ny mpiventy hira. Hampiarahina amin' ny valiha. Maskila nataon' i Davida, fony tonga ny Zifita ka nanao tamin' i Saoly hoe: Tsy miery any aminay va Davida? Vonjeo amin' ny anaranao aho, Andriamanitra ô, ary omeo rariny aho araka ny herinao. **2** Andriamanitra ô, henoy ny fivavako; mihainoa ny tenin' ny vavako. **3** Fa olona hafa firenena no mitsangana hamely ahy, ary olondozabe no mitady ny aiko; tsy mihevitra an' Andriamanitra ho eo anatrehany izy. (Sela) **4** Indro, Andriamanitra no Mpamonjy ahy; ny Tompo no Mpanohana ny fanahiko. **5** Hamaly ny ratsy ataon' ny mpampahory ahy Izy; aoka ny fahamarinanao no handringananao azy. **6** Sitrapoko ihany no hanaterako fanatitra ho Anao; hidera ny anaranao aho, Jehovah ô, fa tsara izy. **7** Fa efa namonjy ahy ho afaka tamin' ny fahoriana rehetra Izy; ary ny masoko dia faly mijery ny amin' ny fahavaloko.

55 Ho an' ny mpiventy hira. Hampiarahina amin' ny valiha. Maskila nataon' i Davida. Mihainoa ny fivavako, Andriamanitra ô, ary aza miery amin' ny fitarainako. **2** Henoy aho, ka valio; miriorio ny eritreritro, ka mitoloko aho, **3** Noho ny feon' ny fahavalo sy ny fampahorian' ny ratsy fanahy; fa mampianjera loza amiko ireny, ary amin' ny fahatezerana no ankahalany ahy. **4** Mangorohoro ato anatiko ny foko, ary mamely ahy ny tahotra ny fahafatesana. **5** Tahotra sy hovitra no mahazo ahy, ary manafotra ahy ny horohoro. **6** Ka hoy izaho: enga anie ka manana elatra tahaka ny voromailala aho, dia handositra aho ka hahita izay hitoerako; **7** Eny, handositra lavitra aho ka hitoetra any an-efitra. (Sela) **8** Handeha faingana aho hamonjy fialofana, mba tsy ho azon' ny tafio-drivotra sy ny ranonoram-baratra. **9** Aringano izy, ary akoroy ny fiteniny, Tompo ô; fa mahita loza sy ady ao an-tanàna aho. **10** Hodidininy andro aman' alina eny ambonin ny mandany io; ary heloka sy fampahoriana no ao aminy; **11** Ratsy no ao anatiny; ary ny fitaka sy ny fanangolena tsy mba miala amin' ny lalàmbeny. **12** Fa tsy fahavalo no nanaratsy ahy, — fa raha izany, dia niaritra ihany aho; tsy olona nankahala ahy no nanandratena namely ahy, fa raha izany, dia niery azy aho; **13** Fa ianao, lehilahy mitovy saranga amiko, namako sy sakaizako indrindra, **14** Dia isika izay nifankamamy resaka ka niaranandeha tamin' ny maro ho ao an-tranon' Andriamanitra. **15** Aoka hanampoka azy ny fahafatesana. Aoka hidina velona any amin' ny fiainan-tsi-hita izy; fa ratsy no ao amin' ny fonenany, dia ao afovoany. **(Sheol h7585)** **16** Raha izaho, dia Andriamanitra no hantsoiko; ary Jehovah no hamonjy ahy. **17** Hariva sy maraina ary mitatao vovonana no hitarainako sy hitolokoako; dia hihaino ny feoko Izy, **18** Ka hanavotra ny fanahiko ho amin' ny fiadanana hahafahako amin' ny adin' ireny amiko, fa maro no miady amiko. **19** Hihaino Andriamanitra, Izay mipetraka hatramin' ny taloha, (Sela) ka hamaly ireo olona tsy miova toetra, sady tsy matahotra an' Andriamanitra. **20** Efa naninjitra ny tànany hamely izay nihavana taminy izy; namadika ny fanekeny izy. **21** Malambo noho ny rononomandry ny vavany, kanjo ady no ao am-pony; malemy noho ny diloilo ny teniny, kanjo sabatra voatsoaka ireny. **22** Apetraho amin' i Jehovah ny entanao, ary Izy no hanohana anao; tsy havelany hangozohozo mandrakizay ny marina. **23** Fa Hianao, Andriamanitra ô, no hampidina ireo any an-davaka fanimbana; ny mpandatsadrà sy mpamitaka tsy hahatratra ny an-tsasaky ny androny; fa izaho kosa dia hatoky Anao.

56 Ho an' ny mpiventy hira. Al-jonathelem-rehokim. Miktama nataon' i Davida, fony nisambotra azy tany Gata ny Filistina. Mamindrà fo amiko, Andriamanitra ô, fa misafoaka manenjika ahy ny olona; miady amiko mandrakariva izy ka mampahory ahy. **2** Misafoaka manenjika mandrakariva ny mpampahory ahy; maro tokoa no mirehareha miady amiko. **3** Amin' ny andro atahorako no itokiako Anao. **4** Andriamanitra no iderako ny teniny; Andriamanitra no itokiako, ka tsy mba hatahotra aho; inona no hataon' ny nofo amiko? **5** Manimba ny raharahako mandra-kariva ireny; ny heviny rehetra dia ny hanisy ratsy ahy ihany. **6** Miangona izy, miery izy, mitsongo-dia ahy izy, satria mikendry ny aiko. **7** Amin' izany faharatsiany izany moa hisy hahafahany va? Aripaho amin' ny fahatezeranao ny firenena. Andriamanitra ô. **8** Manisa ny firenireneko Hianao; ataovy ao an-tavoahanginao ny ranomasoko; tsy eo amin' ny bokinao va ireny? **9** Amin' izay dia hiamboho ny fahavaloko amin' ny andro hiantsoako Anao; izao dia fantatro, fa momba ahy Andriamanitra. **10** Andriamanitra no iderako ny teniny; Jehovah no iderako ny teniny. **11** Andriamanitra no itokiako; ka tsy mba hatahotra aho; inona no hataon' ny olona amiko? **12** Nivoady taminao aho, Andriamanitra ô, dia hanatitra fanati-pisaorana ho Anao. **13** Fa efa nanafaka ny fanahiko tamin' ny fahafatesana Hianao; eny, nanafaka ny tongotro Hianao mba tsy ho solafaka. Handehanako eo anatrehan' Andriamanitra amin' ny fahazavan' ny velona.

57 Ho an' ny mpiventy hira. Al-tasheth. Miktama nataon' i Davida tamin' ny nandosirany an' i Saoly tao anaty zohy. Mamindrà fo amiko. Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko; fa Hianao no ialofan' ny fanahiko; eny, ao amin' ny aloky ny elatrao no ialofako, mandra-pahalasan' ny loza. **2** Hitaraina amin' Andriamanitra Avo Indrindra aho, dia amin' Andriamanitra Izay mahatanteraka ho ahy. **3** Haniraka avy any an-danitra Izy ka hamonjy ahy, raha miteny ratsy izay misafoaka manenjika ahy. (Sela) Eny, Andriamanitra haniraka ny famindram-pony sy ny fahamarinany. **4** Ny fanahiko dia eo afovoan' ny liona; handry eo amin' ny masiaka aho, dia eo amin' ny zanak' olombelona, — lefona sy zana-tsipìka ny nifiny, ary sabatra maranitra ny lelany. **5** Misandrata any ambonin' ny lanitra Hianao, Andriamanitra ô! aoka ho ambonin' ny tany rehetra ny voninahitrao. **6** Efa namela-pandrika harato haningotra ny diako izy, ary nampitanondrika ny fanahiko; nihady lavaka teo anoloako izy, kanjo ny tenany ihany no latsaka ao anatiny. (Sela) **7** Tafatoetra ny foko, Andriamanitra ô, eny, tafatoetra ny foko; hihira sy hankalaza aho. **8** Mifohaza, ry voninahitro; mifohaza ry valiha sy lokanga; hifoha maraina koa aho. **9** Hidera Anao eny amin' ny vahoaka aho, Tompo ô, hankalaza Anao eny amin' ny firenena aho. **10** Fa lehibe

mihatra amin' ny lanitra ny famindram-ponao, ary mihatra amin' ny rahona ny fahamarinanao. **11** Misandrata any ambonin' ny lanitra Hianao, Andriamanitra ô; aoka ho ambonin' ny tany rehetra ny voninahitrao.

58 Ho an' ny mpiventy hira. Al-tasheth. Miktama nataon' i Davida. Moa ny tsi-fitenenana va ataonareo ho filazana ny marina? Mitsara mahitsy va ianareo, ry zanak' olombelona? **2** Tsy izany, fa ny fonareo no amoronanareo ny ratsy; mandanja ny fandozan' ny tananareo etỳ an-tany ianareo. **3** Mivily hatrany am-bohoka ny ratsy fanahy; mania hatrany an-kibo izy ka miteny lainga. **4** Misy poizina tahaka ny an' ny menarana aminy; eny, tahaka ny vipera marenina izay manentsin-tadiny izy, **5** Ka tsy mihaino ny feon' ny mpanao ody, na dia izay mpahay ody indrindra aza. **6** Andriamanitra ô, torotoroy ny nifiny eo am-bavany; omboty ny vazan' ny liona tanora, Jehovah ô. **7** Aoka ho ritra tahaka ny ranotrambo izy; raha atraniny ny zana-tsipìkany, dia aoka ho tapa-doha ireny; **8** Aoka ho tahaka ny lelosy izay mihalevona eny am-pandehanana izy; Aoka ho tahaka ny zaza-vakimanta izay tsy mahita masoandro izy. **9** Dieny tsy mbola mafanan' ny afon-tsilo ny vilaninareo, aoka ho entin' ny tafio-drivotra ireny, na ny lena na ny maina. **10** Hifaly ny marina, raha mahita ny famaliana; hanasa ny tongony amin' ny ran' ny ratsy fanahy izy; **11** Dia hiteny ny olona ka hanao hoe: misy valiny tokoa ho an' ny marina; misy tokoa Andriamanitra Izay mitsara etỳ ambonin' ny tany.

59 Ho an' ny mpiventy hira. Al-tasheth. Miktama nataon' i Davida, fony Saoly naniraka, ka nisy niambina ny trano hamonoana azy. Afaho amin' ny fahavaloko aho, Andriamanitro ô; asondroty eo amin' ny avo aho tsy ho azon' izay miodina amiko. **2** Afaho amin' ny mpanao ratsy aho, ary vonjeo amin' ny mpandatsa-drà. **3** Fa, indro, manotrika hahazo ny aiko izy; miangona hanohitra ahy ny mahery, nefa tsy fahadisoako ary tsy fahotako, Jehovah ô. **4** Tsy heloko no ihazakazahany sy iomanany, koa mifohaza hitsena ahy, ka jereo. **5** Ary Hianao, Jehovah ô, Andriamanitry ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, mifohaza hitsara ny firenen-tsamy hafa; aza mamindra fo amin' izay mpivadika ratsy fanahy. (Sela) **6** Miverina nony hariva ireny ka mierona tahaka ny alika, sady mandehandeha eran' ny tanàna. **7** Indro, mirezadrezatra amin' ny vavany izy; sabatra no eo amin' ny molony, fa iza, hono, no handre? **8** Kanjo Hianao, Jehovah ô, hihomehy azy; Hianao haneso ny firenena rehetra. **9** Koa noho ny herin' ireny dia hiandry Anao aho; fa Andriamanitra no fiarovana avo ho ahy. **10** Andriamanitra, Izay mamindra fo amiko, no hialoha ahy; hataon' Andriamanitra faly mijery ny amin' ny fahavaloko aho. **11** Aza mahafaty azy Hianao, fandrao hanadino izany ny fireneko. Ampirenireneo amin' ny herinao izy, ka aripaho, ry Tompo ô, Ampinganay. **12** Ny fahotan' ny vavany dia ny tenin' ny molony; aoka hosamborina amin' ny fireharehany izy, eny, noho ny ozona sy ny lainga ataony. **13** Aringano an-katezerana izy, aringano mba tsy ho ao intsony; ary aoka ho fantany fa Andriamanitra no manapaka eo amin' ny Jakoba ka hatramin' ny faran' ny tany. (Sela) **14** Ary miverina nony hariva ireny ka mierona tahaka ny alika, sady mandehandeha eran' ny tanàna. **15** Miriorio mitady hanina izy; raha tsy voky izy, dia any ihany mandritra ny alina. **16** Fa izaho kosa dia hihira ny herinao, ary hihoby ny famindram-ponao nony maraina, satria fiarovana avo ho ahy Hianao, ary fandosirako amin' ny andro fahoriana. **17** Ry Heriko ô, Hianao no hankalazaiko; fa Andriamanitra no fiarovana avo ho ahy, dia Andriamanitra Izay mamindra fo amiko.

60 Ho an' ny mpiventy hira Al-sho-shanedoth. Miktama nataon' i Davida hampianarana, fony izy nanafika an' i Mesopotamia sy Arama-zoba tamin' ny niverenan' i Joaba ka namelezany ny Edomita roa arivo amby iray alin-dahy teo amin' ny lohasahan-tsira. Andriamanitra ô, efa nanary sy nampihahaka anay Hianao; efa tezitra Hianao, velombelomy izahay. **2** Efa nampihorohoro ny tany Hianao ka namaky azy; amboary izay rava aminy, fa mihozongozona izy. **3** Efa nampahita ny olonao zava-tsarotra Hianao, ary efa nampisotro anay divay mampiraikiraiky. **4** Efa notoloranao faneva ny matahotra Anao, hatsangany noho ny fahamarinana. (Sela) **5** Mba hahafahan' ny malalanao, dia vonjeo amin' ny tananao ankavanana aho, ka valio. **6** Andriamanitra niteny tamin' ny fahamasinany hoe: hifaly Aho ka hizara an' i Sekema; ary ny lohasahan' i Sokota horefesiko; **7** Ahy Gileada, Ahy koa Manase; ary aron' ny lohako Efraima tehim-panjakako Joda; **8** Tavin-dranoko fanasana Moaba; Edoma no anipazako ny kapako; mihobia noho ny amiko, ry Filistia. **9** Iza no hitondra ahy ho any an-tanàna mafy? iza no hitarika ahy ho any Edoma? **10** Tsy Hianao va, Izay efa nanary anay, Andriamanitra ô. Sady tsy nivoaka niaraka tamin' ny antokon' ny miaramilanay, Andriamanitra ô? **11** Vonjeo amin' ny mpandrafy izahay; fa zava-poana ny famonjena ataon' ny olona. **12** Andriamanitra no haherezantsika; fa Izy no hanitsakitsaka ny fahavalontsika.

61 Ho an' ny mpiventy hira. Hampiarahina amin' ny valiha. Nataon' i Davida. Henoy ny fitarainako, Andriamanitra ô; tandremo ny fivavako. **2** Any am-paran' ny tany no hiantsoako Anao raha reraka ny foko; ento aho ho any amin' ny vatolampy izay avo ka tsy tratro; **3** Fa aroko Hianao sy tilikambo mafy handosirako ny fahavalo. **4** Aoka hitoetra ao an-tranonao mandrakizay aho; aoka hialoka ao ambanin' ny fanomban' ny elatrao aho, **5** Fa Hianao, Andriamanitra ô efa nandre ny voadiko; efa nomenao ahy ny lovan' izay matahotra ny anaranao. **6** Halavao ny andron' ny mpanjaka; aoka ny taonany hahatratra ny taranaka maro. **7** Aoka hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra mandrakizay izy; famindram-po sy fahamarinana no tendreo hiaro azy; **8** Ka dia izany no hankalazako ny anaranao mandrakizay, mba hanefako isan' andro ny voadiko.

62 Ho an' ny mpiventy hira. Al-jedotona. Salamo nataon' i Davida. Andriamanitra tokoa no iantombenan' ny fanahiko; avy aminy ny famonjena ahy. **2** Izy tokoa no vatolampiko sy famonjena ahy, dia fiarovana avo ho ahy ka tsy hangozohozo loatra aho. **3** Mandra-pahoviana no hirohotanareo hamely olona sy handrodananareo rehetra

azy toy ny manda mirona sy ny rova mihozongozona; **4** Misaina hanongana azy hiala amin' ny voninahiny ireny; lainga no ifaliany, misaotra amin' ny vavany izy, fa manozona amy ny fony. (Sela) **5** Miantombena amin' Andriamanitra tokoa ianao, ry fanahiko; fa Izy no antenaiko. **6** Izy tokoa no vatolampiko sy famonjena ahy, dia fiarovana avo ho ahy, ka tsy mba hangozohozo aho. **7** Andriamanitra no iankinan' ny famonjena ahy sy ny voninahitro; ny vatolampiko mafy sy ny aroko dia ao amin' Andriamanitra. **8** Matokia Azy mandrakariva ianareo, ry olona; loary eo anatrehany ny fonareo; Andriamanitra no aro ho antsika. (Sela) **9** Zava-poana tokoa ny ambany, ary lainga ny ambony; raha hatao amin' ny mizana izy, dia maivana; zava-poana mihitsy izy. **10** Aza matoky ny fanaovana an-keriny, ary aza miantehitra amin' ny halatra; raha mitombo ny harena, dia aza anorenana ny fonareo. **11** Indray mandeha no nitenenan' Andriamanitra; indroa no nandrenesako hoe: an' Andriamanitra ny hery. **12** Ary Anao koa, ry Tompo ô, ny famindram-po, fa Hianao no mamaly ny olona rehetra araka ny asany avy.

63 Salamo nataon' i Davida, fony tany an-efitr' i Joda izy. Andriamanitra ô, Andriamanitro Hianao; mitady Anao fatratra aho; mangetaheta Anao ny fanahiko, maniry Anao ny nofoko, eto amin' ny tany maina sy mangentana tsy misy rano; **2** Toy izany no nijereko Anao tao amin' ny fitoerana masìna, hahitako ny herinao sy ny voninahitrao. **3** Fa tsara noho ny aina ny famindram-ponao; ny molotro hidera Anao. **4** Toy izany no hisaorako Anao, raha mbola velona koa aho; amin' ny anaranao no hanandratako ny tanako. **5** Toy ny voky tsoka sy tavy no hahavokisan' ny fanahiko; ary amin' ny molotra falifaly no hideran' ny vavako Anao. **6** Raha mahatsiaro Anao eo am-pandriako aho, dia mieritreritra Anao amin' ny fiambenan' alina. **7** Fa efa namonjy ahy Hianao, ary ao ambanin' ny aloky ny elatrao no hihobiako. **8** Mifikitra amiko ny fanahiko; manohana ahy ny tananao ankavanana. **9** Fa ireny dia mitady ny aiko ka mampidi-doza amin' ny tenany; hiditra any ambanin' ny tany izy; **10** Hatolotra ho amin' ny herin' ny sabatra izy; ho anjaran' ny amboahaolo izy. **11** Fa ny mpanjaka hifaly amin' Andriamanitra; ho ravoravo izay rehetra mianiana aminy; fa hakombona ny vavan' izay rehetra mandainga.

64 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Henoy ny feoko, raha mitaraina aho, Andriamanitra ô; arovy ny aiko amin' ny tahotro ny fahavalo. **2** Afeno aho tsy ho azon' ny firaisan-tetiky ny ratsy fanahy, sy ny fitabataban' ny mpanao ratsy, **3** Izay mandranitra ny lelany ho tahaka ny sabatra, ka mikendry handefa ny zana-tsipìkany, dia teny mangidy. **4** Mba hitifitra mangingina ny mahitsy; mitifitra azy tampoka izy ka tsy matahotra. **5** Hamafiny ny hevi-dratsiny; mifampitaona hanao fandri-totofana izy ka manao hoe: iza no hahita izany? **6** Manao saim-petsy izy; omaniny tsara ny sain-dalina voaheviny; lalina ny ao anatin' ny olombelona, dia ny fony. **7** Mitifitra azy Andriamanitra; tampoka toy ny fiantefan' ny zana-tsipìka no fahavoazany. **8** Apotrany izy ka voasingotra ny lelany ihany; mandositra izay rehetra mahita azy. **9** Dia matahotra ny olona rehetra ka manambara ny ataon' Andriamanitra sady mandinika tsara ny asany. **10** Mifaly amin' i Jehovah ny marina ka mialoka aminy; eny, mifaly tena ny mahitsy fo rehetra.

65 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Tonon-kira. Ho anao ny fanginana sy ny fiderana, Andriamanitra any Ziona ô, ary aminao no anefana ny voady. **2** Ry Mpihaino vavaka ô, Hianao no hohatonin' ny nofo rehetra. **3** Ny zava-mahameloka ahy dia mihoatra noho izay zakako; nefa Hianao no mamela ny fahadisoanay. **4** Sambatra izay fidinao ka ampanatoninao hitoetra eo an-kianjanao; Te-ho voky ny zava-tsoa ao amin' ny tranonao izahay dia ny zava-masìna ao amin' ny tempolinao. **5** Zava-mahatahotra no ataonao amin' ny fahamarinana ho valin' ny vavakay, ry Andriamanitry ny famonjena anay ô, ry tokin' ny faran' ny tany rehetra sy ny ranomasina eny lavitra eny. **6** Mampiorina ny tendrombohitra amin' ny heriny Izy, misikìna fahatanjahana Izy. **7** Mampitsahatra ny firohondrohon' ny onjan-dranomasina Izy, sy ny fitabataban' ny firenena. **8** Dia matahotra noho ny famantaranao ny mponina any am-paran' ny tany; ny any amin' ny fiposahan' ny maraina sy ny hariva no ampihobinao. **9** Mamangy ny tany Hianao ka mahamando azy; mampahavokatra azy betsaka Hianao — Ny onin' Andriamanitra dia tondra-drano — Mamboatra vary ho an' ny olona Hianao; fa izany no famboatrao ny tany. **10** Mahampoka ny tany voasa Hianao ka mampiravona azy; ranonorana mivatravatra no amontosanao azy; mitahy ny fitsimohany Hianao. **11** Satrohanao voninahitra ny taona fitahianao; ary ny dianao mitete menaka. **12** Vonton-drano ny fiandrasana ondry any an-efitra, ary misikìna fifaliana ny havoana. **13** Rakotra ondry ny saha; ary voasarona vary ny lohasaha: mihoby izy, eny, mihira koa.

66 Ho an' ny mpiventy hira. Tonon-kira. Salamo. **2** Mankalazà ny voninahitry ny anarany; omeo voninahitra Izy ho fiderana Azy. **3** Lazao amin' Andriamanitra hoe: endrey, mahatahotra ny asanao! ny fahalehibiazan' ny herinao no hikoizan' ny fahavalonao Anao. **4** Ny tany rehetra hiankohoka eo anatrehanao ka hankalaza Anao; eny, hankalaza ny anaranao izy. (Sela) **5** Avia, ka jereo ny asan' Andriamanitra, mahatahotra ny zavatra ataony amin' ny zanak' olombelona. **6** Efa nampody ny ranomasina ho tany maina Izy; nandeha an-tongotra nita ny ony ny olona; tao no nifaliantsika tamin' Andriamanitra. **7** Manjaka mandrakizay amin' ny heriny Izy, ary ny masony mandinika ny firenen-tsamy hafa; aoka tsy hanandra-tena ny maditra. (Sela) **8** Misaora an' Andriamanitsika, ry firenena; ary asandrato ny feo fiderana Azy, **9** Izay mampitoetra ny fanahintsika amin' ny fiainana ka tsy mamela ny tongotsika hangozohozo. **10** Fa efa nizaha toetra anay Hianao, Andriamanitra ô; efa nanadio anay Hianao, tahaka ny fanadio volafotsy amin' ny memy. **11** Efa nampiditra anay tamin' ny fandrika Hianao; efa nanisy enta-mavesatra teo am-balahanay Hianao. **12** Efa nampandeha ny olona hanitsaka ny lohanay Hianao; nandeha namaky ny afo sy ny rano izahay; fa nitondra anay nivoaka ho amin' ny fitahiana mahatretrika Hianao. **13** Hiditra ao an-tranonao mitondra fanatitra dorana aho; hefaiko aminao ny voadiko, **14** Izay

notononin' ny molotro sy naloaky ny vavako, fony aho azom-pahoriana. **15** Hateriko aminao ho fanatitra dorana ny matavy mbamin' ny setroky ny ondrilahy; hanatitra omby sy osilahy aho. (Sela) **16** Avia, mihainoa ianareo rehetra izay matahotra an' Andriamanitra, fa holazaiko izay nataony ho an' ny fanahiko. **17** Izy no nantsoin' ny vavako; ary ny fanandratana Azy no teo ambanin' ny lelako. **18** Raha nankasitraka ota tao am-poko aho, dia tsy mba hihaino ny Tompo; **19** Kanefa efa nihaino tokoa Andriamanitra; efa nihaino ny feon' ny fivavako Izy. **20** Isorana anie Andriamanitra, izay tsy nandà ny fivavako, na nanaisotra ny famindram-pony tamiko.

67 Ho an' ny mpiventy hira. Hampiarahina amin' ny valiha. Salamo. Tonon-kira. Andriamanitra anie hamindra fo aminay sy hitahy anay; (Sela) hampamirapiratra ny tavany aminay anie Izy; **2** Mba ho fantatra etỳ ambonin' ny tany ny lalanao sy ny famonjenao any amin' ny jentilisa rehetra. **3** Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô; eny, hidera Anao ny firenena rehetra. **4** Hifaly sy hihoby ny firenentsamy hafa, Satria mitsara marina ny firenena Hianao; ny firenen-tsamy hafa ambonin' ny tany dia entinao. (Sela) **5** Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô; eny, hidera Anao ny firenena rehetra. **6** Ny tany efa nahavokatra; mitahy antsika Andriamanitra, dia Andriamanitsika. **7** Mitahy antsika Andriamanitra; ary hatahotra Azy ny vazan-tany rehetra.

68 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Tonon-kira. Aoka hitsangana Andriamanitra, ka hiely ny fahavalony; ary aoka izay mankahala Azy handositra ny tavany. **2** Tahaka ny fanely setroka no fanelinao azy; tahaka ny fiempon' ny savoka eo anoloan' ny afo no aoka hahalevonan' ny ratsy fanahy eo anatrehan' Andriamanitra. **3** Fa ny marina mifaly; eny, ravoravo eo anatrehan' Andriamanitra izy ka faly tokoa. **4** Mihirà ho an' Andriamanitra, mankalazà ny anarany; manamboara lalana ho an' izay mitaingina mamaky ny efitra Jehovah no anarany ary mifalia eo anatrehany. **5** Rain' ny kamboty sy Mpanome rariny ny mpitondratena Andriamanitra, ao amin' ny fonenany masìna. **6** Andriamanitra mampitoetra an-trano izay irery tena; mamoaka ny mpifatotra ho amin' ny fanambinana Izy; fa ny maditra hitoetra amin' ny tany karankaina. **7** Andriamanitra ô, raha nandeha teo alohan' ny olonao Hianao ka namaky ny efitra, (Sela) **8** Dia nihorohoro ny tany, ary nitaitaika ny lanitra, tamin' ny fanatrehan' Andriamanitra, na iry Sinay iry aza tamin' ny fanatrehan' Andriamanitra, Andriamanitry ny Isiraely. **9** Ranonorampitahiana no nalatsakao tamin' ny lovanao, Andriamanitra ô; ary raha kotra izy, dia novelombelominao. **10** Ny olonao tamàn-toerana teo; mamboatra ho an' ny ory araka ny fahasoavanao Hianao, Andriamanitra ô. **11** Ny Tompo manome ny teny; ary ny vehivavy mpilaza soa dia antokony lehibe. **12** Ireo mpanjaka be miaramila dia vaky mandositra; ary ny vehivavy izay mitoetra ao an-trano no mizara ny babo. **13** Raha mandry eo amin' ny vala ianareo, dia ho tahaka ny ela-boromailala miravaka volafotsy, ary ny volony miravaka volamena tsara **14** Raha aelin' ny Tsitoha eo ny mpanjaka maro, dia latsaka ny oram-panala ao Zalmona. **15** Tendrombohitr' Andriamanitra ny tendrombohitr' i Basana. Tendrombohitra maro tampona ny tendrombohitr' i Basana. **16** Ry tendrombohitra maro tampona, nahoana ianareo no mihendry ny tendrombohitra izay tian' Andriamanitra hitoerany? eny, hitoetra ao mandrakizay Jehovah. **17** Ny kalesin' Andriamanitra dia roa alina, eny, arivo arivo; ny Tompo no eo aminy; Sinay dia eo amin' ny itoerana masìna. **18** Efa niakatra ho any amin' ny avo Hianao ka mitondra babo; efa nandray fanomezana teo amin' ny olombelona Hianao — eny, teo amin' ny maditra aza, — mba hitoeran' i Jehovah Andriamanitra any. **19** Isaorana anie ny Tompo Izay mitondra ny entan-tsika isan' andro isan' andro, eny, Andriamanitra Izay famonjena antsika. (Sela) **20** Andriamanitra no Andriamanitry ny famonjena ho antsika; ary an' i Jehovah Tompo ny fanafahana amin' ny fahafatesana. **21** Fa Andriamanitra mamely mafy ny lohan' ny fahavalony, dia ny tampon-doha lava volo an' izay mandroso amin' ny fahadisoany. **22** Lazain' ny Tompo hoe: hampody ny any Basana Aho; hampody ny amin' ny ranomasina lalina Aho, **23** Mba hampihosenanao rà ny tongotrao, ary ho anjaran' ny lelan' ny amboanao ny fahavalo. **24** Efa hita ny fandehananao, Andriamanitra ô, dia ny fandehanan' Andriamanitro, Mpanjakako, ao amin' ny fitoerana masìna. **25** Mialoha ny mpihira, ary manaraka ny mpitendry valiha, eo afovoan' ny zatovovavy mively ampongatapaka. **26** Misaora an' Andriamanitra eo amin' ny fiangonana, eny, misaora ny Tompo, ianareo ary amin' ny loharanon' ny Isiraely. **27** Indry Benjamina kely, mpanapaka azy, ny antokon' ny mpanapaka ny Joda, ny mpanapaka ny Zebolona sy ny mpanapaka ny Naftaly. **28** Andriamanitrao no nampahery anao; Ry Andriamanitra Izay miasa ho anay ô, asehoy ny herinao. **29** Noho ny tempolinao eo an-tampon' i Jerosalema, no hitondran' ny mpanjaka maro fanatitra ho Anao. **30** Teneno mafy ny biby eny anaty zozoro sy ny fivorian' ny ombilahy mbamin' ireo vahoaka zanak' omby, dia izay miankohoka manatitra anja-bolafotsy aelezo ny olona tia ady **31** Ho avy ny tremalahin' i Egypta; Etiopia halaky hananty tanana amin' Andriamanitra. **32** Ry fanjakana ambonin' ny tany, mihirà ho an' Andriamanitra; mankalazà ny Tompo, (Sela) **33** Ilay mitaingina ny lanitry ny lanitra izay hatry ny fahagola; Indro, mamoaka ny feony Izy, dia feo mahery. **34** Ekeo ho an' Andriamanitra ny hery; ambonin' ny Isiraely ny voninahiny, ary ny heriny any amin' ny lanitra. **35** Mahatahotra Hianao, Andriamanitra ô, ao amin' ny fitoeranao masìna; Andriamanitry ny Isiraely no manome hery sy tanjaka ho an' ny olona. Isaorana anie Andriamanitra.

69 Ho an' ny mpiventy hira. Al-shoshanim. Nataon' i Davida. Vonjeo aho, Andriamanitra ô; fa efa mihatra amin' ny aiko ny rano. **2** Milentika amin' ny fotaka mandrevo aho, ka tsy misy hifaharana; efa miditra amin' ny rano lalina aho, ka mandifotra ahy ny riaka. **3** Sasatry ny mitaraina aho, maimay ny tendako; pahina ny masoko, raha miandry an' Andriamanitro aho. **4** Maro noho ny volon-dohako ny isan'

izay mankahala ahy tsy ahoan-tsy ahoana; mahery izay ta-hahafaty ahy, dia ny fahavaloko tsy ahoan-tsy ahoana; mampanonitra ahy izay tsy nalaiko izy. **5** Andriamanitra ô, Hianao mahalala ny hadalako; ary ny heloko tsy mba miafina aminao. **6** Aoka tsy ho menatra noho ny amiko izay miandry Anao, Jehovah, Tompon' ny maro ô; aoka tsy ho very hevitra noho ny amiko izay mitady Anao, ry Andriamanitry ny Isiraely ô. **7** Fa noho ny aminao no itondrako latsa; safotry ny henatra ny tavako. **8** Efa vahiny amin' ny rahalahiko aho; eny, efa olon-ko azy amin' ny zanak' ineny aho. **9** Fa ny firehetako ny amin' ny tranonao no naharitra aina ahy; ary ny latsa nataon' izay nandatsa Anao dia nihatra tamiko. **10** Nitomany sady nifady hanina aho, dia natao latsa ho ahy izany. **11** Lamba fisaonana no nataoko fitafiako, dia efa ambentinteny tamin' ireny aho. **12** Miresaka ahy izay mipetraka eo am-bavahady; ary ataon' ny mpisotro toaka an-kira aho. **13** Fa izaho hivavaka aminao amin' ny andro fankasitrahana, Jehovah ô, dia aminao, Andriamanitra ô noho ny haben' ny famindram-ponao; valio aho araka ny hamarinan' ny famonjenao. **14** Afaho amin' ny fotaka aho, ka aza avela hilentika; vonjeo aho amin' izay mankahala ahy sy amin' ny rano lalina. **15** Aza avela hanafotra ahy ny rano mandriaka, na hitelina ahy ny lalina; ary aza avela hikatom-bava amiko ny lavaka fantsakana. **16** Valio aho, Jehovah ô, fa tsara ny famindram-ponao; todiho aho araka ny haben' ny fiantranao. **17** Ary aza manafina ny tavanao amin' ny mpanomponao; fa azompahoriana aho, koa faingàna hamaly ahy Hianao. **18** Hatony ny fanahiko, avoty izy; Eny, vonjeo aho noho ny ataon' ny fahavaloko. **19** Hianao no mahalala ny latsa mihatra amiko ary ny fahamenarako sy ny fahafaham-boninahitro; Eo anatrehanao ny mpandrafy ahy rehetra. **20** Ny latsa dia nanorotoro ny foko ka reraka indrindra aho; ary niandry antra aho, fa tsy nisy, sy mpanony fa tsy nahita. **21** Fa zava-mangidy no nomeny ho haniko; ary vinaingitra no natolony ahy hosotroina, raha nangetaheta aho. **22** Aoka ho fandrika ho azy ny latabany eo anoloany; eny, ho tonta ho an' ny tsy manana ahiahy. **23** Aoka ho jamba ny masony mba tsy hahita; ary ampangozohozoy mandrakariva ny valahany. **24** Aidino aminy ny fahatezeranao; ary aoka hahatratra azy ny firehetan' ny fahaviniranao. **25** Aoka ho foana ny tobiny; aza avela hisy hitoetra ao an-dainy. **26** Fa izay nasianao no nenjehiny; Ary ny fahararian' ny voatsindronao dia lazalazainy. **27** Aoka hiampy ny helony; ary aoka tsy hiditra amin' ny fahamarinanao izy. **28** Aoka hovonoina tsy ho eo amin' ny bokin' ny velona ny anarany, ary aoka tsy hosoratana eo amin' ny marina. **29** Fa izaho dia ory sy mahantra, Andriamanitra ô; aoka ny famonjenao no hanandratra ahy. **30** Hankalaza ny anaran' Andriamanitra amin' ny fihirana aho, ary hidera Azy amin' ny fisaorana. **31** Fa ho sitrak' i Jehovah Izany mihoatra noho ny vantotr' ombilahy, izay manan-tandroka sady mivaky kitro. **32** Hahita izany ny mpandefitra ka ho faly; aoka ho velona ny fonareo, ry mpitady an' Andriamanitra. **33** Fa mihaino ny malahelo Jehovah, ary ny olony mifatotra tsy mba hamavoiny. **34** Aoka hidera Azy ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy izay rehetra mihetsika ao aminy. **35** Fa Andriamanitra hamonjy an' i Ziona sady hanangana ny tanànan' ny Joda; ary hitoetra ao ny olony ka ho tompony; **36** Dia handova azy ny taranaky ny mpanompony; ary hitoetra ao izay tia ny anarany.

70 Ho an' ny mpiventy hira. Nataon' i Davida. Ho fampahatsiarovana. Andriamanitra ô, faingàna hanafaka ahy; Jehovah ô, faingàna hamonjy ahy. **2** Aoka ho menatra sy hangaihay izay mitady ny aiko; aoka hiamboho sy ho afa-baraka izay faly amin' ny manjo ahy; **3** Aoka hiamboho noho ny fahamenarany izay manao hoe: Hià! sakoa izay! **4** Aoka hifaly sy ho ravoravo aminao izay rehetra mitady Anao; ary aoka izay tia ny famonjenao hanao mandrakariva hoe: hankalazaina anie Andriamanitra. **5** Fa izaho dia ory sy malahelo; faingàna hankatỳ amiko, Andriamanitra ô; Mpamonjy sy Mpanafaka ahy Hianao; aza ela, Jehovah ô.

71 Hianao, Jehovah ô, no itokiako; aoka tsy ho menatra mandrakizay aho. **2** Vonjeo ny fahamarinanao aho, ka afaho; atongilano amiko ny sofinao, ka vonjeo aho. **3** Aoka ho vatolampy fonenana hohatoniko mandrakariva Hianao, Izay efa nandidy hamonjy ahy; fa harambatoko sy batery fiarovana ho ahy Hianao. **4** Andriamanitro ô, afaho amin' ny tanan' ny ratsy fanahy aho, dia amin' ny tanan' ny mpanao meloka sy ny lozabe. **5** Fa Hianao no fanantenako, Jehovah Tompo ô, ry tokiko hatry ny fony aho mbola tanora. **6** Hianao no nanankinana ahy hatrany am-bohoka; ianao namoaka ahy avy tany an-kibon-dreniko; ianao no deraiko mandrakariva. **7** Tonga toa zava-mahagaga eo imason' ny maro aho; nefa Hianao no fiarovana mafy ho ahy. **8** Ny vavako ho feno ny fideràna Anao sy ny fankalazana Anao mandrakariva. **9** Aza manary ahy, rehefa antitra aho; ary aza mahafoy ahy, rehefa ketraka ny heriko. **10** Fa miresaka ahy ny fahavaloko; ary miara-mioko izay manotrika hahazo ny aiko. **11** Ka manao hoe: Andriamanitra efa nahafoy azy; enjeho izy, ka sambory, fa tsy misy hamonjy. **12** Andriamanitra ô, aza manalavitra ahy; Andriamanitro ô, faingana hamonjy ahy. **13** Aoka ho menatra sy ho levona ny mpanohitra ny fanahiko; aoka hitafy henatra sy fahafahambaraka izay mitady hanisy ratsy ahy. **14** Fa izaho kosa dia hanantena mandrakariva, ary hitombo lalandava ny fideràko Anao. **15** Ny vavako hitory ny fahamarinanao sy ny famonjenao mandrakariva, fa tsy fantatro ny isany. **16** Ho entiko ny asa lehibe nataon' i Jehovah Tompo; hampahatsiaro ny fahamarinanao aho, dia ny Anao ihany. **17** Andriamanitra ô, Hianao efa nampianatra ahy hatry ny fony aho mbola tanora; ary mandraka ankehitriny dia nitory ny fahagaganao aho. **18** Koa mandra-pahantitro sy fotsy volo, dia aza mahafoy ahy, Andriamanitra ô, mandra-pilazako ny sandrinao amin' ny taranaka sy ny asanao lehibe amin' izay rehetra mbola ho avy. **19** Ary mihatra amin' izay avo indrindra ny fahamarinanao, Andriamanitra ô, Izay nanao zava-dehibe: Andriamanitra ô, iza no tahaka Anao? **20** Hianao Izay nampahita ahy fahoriana be sady mafy no hamelona ahy indray, ka hampiakatra ahy indray hiala amin' ny fitoerana lalina amin' ny tany. **21** Ampitomboy ny voninahitro, ary aoka hampionona ahy

indray Hianao. **22** Izaho kosa hidera Anao amin' ny valiha, dia ny fahamarinanao, Andriamanitro; hankalaza Anao amin' ny lokanga aho, ry Iray Masin' ny Isiraely ô. **23** Hihoby ny molotro raha mankalaza Anao; ny fanahiko koa izay efa navotanao; **24** Ary ny lelako hitory ny fahamarinanao mandrakariva; fa efa menatra sy mangaihay izay mitady hanisy ratsy ahy.

72 Nataon' i Solomona. **2** Hitsara ny olonao amin' ny fahamarinana izy. Ary ny malahelolonao amin' ny fahitsiana. **3** Ny tendrombohitra hahavokatra fiadanana ho an' ny olona, eny, ny havoana koa amin' ny fahamarinana. **4** Hitsara ny olona ory izy sy hamonjy ny zanaky ny mahantra ary hanorotoro ny mpampahory. **5** Hatahotra anao ny olona, raha mbola maharitra koa ny masoandro sy ny volana hatramin' ny taranaka fara mandimby. **6** Hidina tahaka ny ranonorana amin' ny saha voajinja izy, tahaka ny ranonorana mivatravatra amin' ny tany. **7** Ny marina hitrebona amin' ny androny, ary ho be ny fiadanana mandrapaha-tsy hisy volana intsony. **8** Ary hanjaka hatramin' ny ranomasina ka hatramin' ny ranomasina izy, ary hatramin' ny ony ka hatramin' ny faran' ny tany. **9** Ny mponina any an-efitra handohalika eo anatrehany; ary ny fahavalony hilelaka ny vovoka. **10** Ny mpanjakan' i Tarsisy sy ny nosy handoa hetra; ny mpanjakan' i Sheba sy Seba hanatitra fanomezana. **11** Ary ny mpanjaka rehetra hiankohoka eo anatrehany; ny firenena rehetra hanompo azy. **12** Fa hamonjy ny mahantra mitaraina izy sy ny ory tsy manan-kamonjy; **13** Hiantra ny reraka sy ny malahelo izy ary hamonjy ny fanahin' ny malahelo. **14** Hanavotra ny fanahiny amin' ny fampahoriana sy ny fanaovana an-keriny izy; ary ho zava-dehibe eo imasony ny ràny. **15** Dia ho velona ireny ka hanome azy volamena avy any Sheba, ary hanao fifonana ho azy mandrakariva, izy, ary isan' andro no hisaorany azy. **16** Hahavoka-bary betsaka ny tany na dia any an-tampon' ny tendrombohitra aza; hirondrona tahaka ny any Libanona ny fahavokarany; ary ny ao an-tanàna hidokadoka tahaka ny ahitra amin' ny tany. **17** Ho mandrakizay ny anarany; raha mbola maharitra koa ny masoandro, dia hanorobona ny anarany; ary izy ho fitahiana ny olona; ny firenena rehetra hanao azy ho sambatra. **18** Isaorana anie Jehovah Andriamanitra, Andriamanitry ny Isiraely; Izy irery ihany no manao fahagagana; **19** Ary isaorana mandrakizay anie ny anarany malaza; ary aoka ny tany rehetra ho henika ny voninahiny. Amena dia Amena. **20** Tapitra ny fivavak' i Davida, zanak' i Jese.

73 Salamo nataon' i Asafa. **2** Fa izaho, dia saiky nibolasitra ny tongotro; saiky solafaka ny diako, **3** Satria nialona ny mpirehareha aho, raha nahita ny fiadanan' ny ratsy fanahy. **4** Fa tsy misy fanaintainana amin' ny fahafatesany, ary fatratra ny heriny. **5** Tsy mba misy manavesatra azy, tahaka ny olona sasany, ary tsy mba azom-pahoriana tahaka ny olon-kafa izy. **6** Dia izany no iambozonany rehareha toy ny rojo, sy itafiany fahalozàna tahaka ny lamba. **7** Bongon-tavy ny masony; miloatra ny hevitry ny fony. **8** Manazimbazimba izy ka miresaka fampahoriana an-dolom-po; avo vava izy. **9** Manao vava manakatra ny lanitra izy, ary ny lelany mandeha mitety ny tany. **10** Izany no itodihan' ny olony hankany aminy; ary rano be no gohin' ireny; **11** Ka hoy izy: Hataon' Andriamanitra ahoana no fahalala? ary manam-pahalalana va ny Avo Indrindra? **12** Indro, ireny dia olona ratsy fanahy; miadana mandrakariva izy ka mitombo harena. **13** Foana mihitsy ny nanadiovako ny foko sy ny nanasàko ny tanako tamin' ny fahamarinana. **14** Azom-pahoriana mandritra ny andro aho, ary faizana isa-maraina. **15** Raha tahìny aho nanao hoe: Hiteny izany aho, dia ho namitaka ireo zanakao. **16** Dia nieritreritra ta-hahalala izany zavatra izany aho, kanjo sarotra teo imasoko izany. **17** Mandra-piditro tao amin' ny fitoera-masin' Andriamanitra ka nihevitra izay ho farany. **18** Eo amin' izay mahasolafaka tokoa no ametrahanao azy, ary aripakao ho ringana izy. **19** Hià! rava indray mipi-maso izy! levona izy, matin-java-mahatahotra izy! **20** Tahaka ny anaovan' ny olona ny nofiny ho tsinontsinona, dia tahaka izany, Tompo ô, no anaovanao ny endrik' ireny ho tsinontsinona, raha mifoha Hianao. **21** Raha lotika ny foko, ka voatsindrona ny voako, **22** Dia ketrina aho ka tsy nahalala; eny, biby teo anatrehanao aho. **23** Nefa izaho dia eo aminao ihany mandrakariva, mihazona ny tanako ankavanana Hianao. **24** Ny saina omenao no hitondranao ahy, ary rehefa afaka izany, dia horaisinao ho amin' ny voninahitra aho. **25** Iza no ahy any an-danitra? ary tsy misy etỳ ambonin' ny tany iriko tahaka Anao. **26** Na dia levona aza ny nofoko sy ny foko, dia mbola vatolampin' ny foko sy anjarako mandrakizay Andriamanitra. **27** Fa, indro, very izay lavitra Anao; aringanao izay rehetra mijangajanga mahafoy Anao. **28** Fa, izaho, dia ny ho akaikin' Andriamanitra no mahatsara ahy; Hianao, Jehovah Tompo ô, no nataoko aroko, mba hilaza ny asanao rehetra aho.

74 Maskila nataon' i Asafa. **2** Tsarovy ny fiangonanao izay efa azonao fahiny, ilay navotanao ho firenena lovanao, dia ny tendrom-bohitra Ziona izay nonenanao. **3** Aingao ny tongotrao, ka miakara ho amin' ny voarava mandrakizay; ny zavatra rehetra tao amin' ny fitoerana masìna dia simban' ny fahavalo avokoa. **4** Nierona tao anatin' ny fiangonanao ny mpandrafy anao; nanangana ny sainany ho famantarana izy. **5** Ny fijery azy dia tahaka ny olona manainga famaky hijinja ny ala mikitroka; **6** Ary amin' izao ny rafitra misoratra rehetra ao dia asiany ny famaky sy ny kanonta. **7** Efa nandoro ny fitoeranao masìna tamin' ny afo izy; nolotoiny sy nazerany tamin' ny tany ny fonenan' ny anaranao. **8** Hoy izy tam-pony: aoka hampahorintsika avokoa izy. Efa nandoro ny tranon' Andriamanitra eran' ny tany rehetra izy. **9** Tsy hitanay ny famantaranay tsy misy mpaminany intsony ary tsy misy aminay mahalala izay mbola haharetan' izao. **10** Mandra-pahoviana, Andriamanitra ô, no hanaratsian' ny mpandrafy? Hanamavo ny anaranao mandrakizay va ny fahavalo? **11** Nahoana no mampihemotra ny tananao, dia ny tananao ankavanana, Hianao? mampialà azy amin' ny tratranao, ka mandringàna. **12** Fa Andriamanitra no Mpanjakako hatrizay hatrizay; manao famonjena eny amin' ny tany Izy. **13** Nampisaraka ny ranomasina tamin' ny herinao

Hianao; efa namakivaky ny lohan' ny dragona tao anaty rano Hianao. **14** Hianao nanorotoro ny lohan' ny mamba ka nanome azy hohanin' izay firenena any an-efitra. **15** Hianao namaky ny vatolampy hamoaka loharano sy ony; Hianao nahatankina ny ony tsy mety ritra. **16** Anao ny andro, Anao koa ny alina; Hianao namboatra ny fanazavana, indrindra fa ny masoandro. **17** Hianao nametra ny faritry ny tany rehetra; ny fahavaratra sy ny ririnina, dia Hianao no nanao azy. **18** Tsarovy izao: Manaratsy an' i Jehovah ny fahavalo, ary ny olona adala manamavo ny anaranao. **19** Aza manolotra ny ain' ny voromailalanao ho an' ny bibi-dia; ary aza manadino mandrakizay ny ain' ny olo-mahantranao. **20** Hevero ny fanekena; fa feno fonenan' ny fandozana ny fitoera-maizina amin' ny tany. **21** Aoka tsy hiverina amin-kenatra ny mahantra; aoka ny ory sy ny malahelo hidera ny anaranao. **22** Mitsangàna, Andriamanitra ô, efao ny adinao; tsarovy ny fanaratsian' ny adala Anao isan' andro. **23** Aza manadino ny feon' ny rafinao, dia ny fitabataban' ny mpanohitra Anao, izay miakatra mandrakariva.

75 Ho an' ny mpiventy hira. Al-tasheth. Salamo nataon' i Asafa. Tonon-kira. Hisaoranay Hianao, Andriamanitra ô; eny, hisaoranay Hianao; fa akaiky ny anaranao; mitory ny fahagagana ataonao ny olona. **2** Fa ho avy tokoa amin' ny fotoana Aho; eny, Izaho no hitsara marina. **3** Mihorohoro ny tany sy ny mponina rehetra eo aminy, nefa Izaho no nanorina ny andriny. (Sela) **4** Hoy izaho tamin' ny mpirehareha: aza mirehareha, ary tamin' ny ratsy fanahy: aza manandra-tandroka; **5** Aza manandratra ny tandrokareo ho avo; ary aza miteny sahisahy amin' ny fahamafian-katoka. **6** Fa tsy avy any atsinanana, na avy any andrefana, na avy any atsimo, ny fisandratana. **7** Fa Andriamanitra no Mpitsara; mampietry ny anankiray Izy ary manandratra ny anankiray kosa. **8** Fa misy kapoaka eo an-tànan' i Jehovah, feno divay mandroatra miharoharo zavatra iny, ka ampisotroany; eny, ny ratsy fanahy rehetra amin' ny tany dia hitroka ny faikany. **9** Fa izaho hanambara izany mandrakizay, ka hankalaza an' Andriamanitr' i Jakoba. **10** Ary ny tandroky ny ratsy fanahy rehetra hotapahiko; fa ny tandroky ny marina kosa no hasandratra.

76 Ho an' ny mpiventy hira. Hampiarahina amin' ny valiha. Salamo nataon' i Asafa. Tonon-kira. Andriamanitra dia fantatra eo amin' ny Joda; malaza eo amin' ny Isiraely ny anarany; **2** Naoriny ao Salema ny tranolainy, ary any Ziona ny fonenany. **3** Teo no nanapatapahany ny zana-tsipìka manelatra, sy ny ampinga sy ny sabatra ary ny fiadiana. (Sela) **4** Mamirapiratra Hianao sady be voninahitra miseho avy any amin' ny tendrombohitra fitohàna. **5** Voababo ny mahery fo; renoky ny torimasony izy; ary samy ankona tsy nahahetsika ny tànany avokoa ny olo-mahery rehetra. **6** Noho ny teny mafy nataonao, ry Andriamanitr' i Jakoba, dia sondrian-tory ny kalesy sy ny soavaly. **7** Hianao no mahatahotra; ka iza no mahajanona eo anatrehanao, rehefa miseho ny fahatezeranao? **8** Avy tany an-danitra no nampandrenesanao fitsaràna. Raiki-tahotra ny tany ka sina, **9** Raha nitsangana hitsara Andriamanitra mba hamonjy ny mpandefitra rehetra ambonin' ny tany. (Sela) **10** Fa ny fahatezeran' ny olona hidera Anao tokoa; ny fahatezerana sisa dia isikinanao. **11** Mivoadia, ka efao ny voadinareo amin' i Jehovah Andriamanitrareo; aoka izay rehetra manodidina Azy hitondra fanatitra ho an' Izay mahatahotra. **12** Manapaka ny reharehan' ny lehibe Izy sady tahotry ny mpanjakan' ny tany.

77 Ho an' ny mpiventy hira. Al-jedotona. Salamo nataon' i Asafa. Ny feoko dia mankany amin' Andriamanitra, ka mitaraina aho; eny, ny feoko mankany amin' Andriamanitra, ka mihaino ahy Izy. **2** Tamin' ny andro fahoriako no nitadiavako ny Tompo; ny tanako nasandratra nony alina ka tsy vizana; ny fanahiko tsy nety nampiononina. **3** Ta-hahatsiaro an' Andriamanitra aho, ka dia nisento; te-hieritreritra aho, ka dia reraka ny fanahiko. (Sela) **4** Mampiari-tory ny masoko Hianao; mitebiteby aho ka tsy mahateny. **5** Nihevitra ny andro fahiny aho, dia ny taon-dasa ela. **6** Ta-hahatsiaro ny nitendreko valiha tamin' ny alina aho; te-hidinidinika amin' ny foko aho, ary ny fanahiko nanontany mafy hoe: **7** Hanary mandrakizay va ny Tompo? Tsy hankasitraka intsony va Izy? **8** Efa nitsahatra mandrakizay va ny famindram-pony? Efa tapitra mandrakizay va ny teniny? **9** Efa nanadino hamindra fo va Andriamanitra? Efa nohidiany an-katezerana va ny fiantràny? (Sela) **10** Ary hoy izaho: Izao no mahararirary ny foko, dia ny niovan' ny tanana ankavanan' ny Avo Indrindra. **11** Hampahatsiaro ny asan' i Jehovah aho, fa ta-hahatsiaro ny fahagagana nataonao fony taloha; **12** Eny hisaina ny asanao rehetra aho, ary hihevitra ny nataonao. **13** Andriamanitra ô, amin' ny fitoerana masìna ny lalanao; iza no andriamani-dehibe tahaka an' Andriamanitra? **14** Hianao no Andriamanitra Izay manao fahagagana; efa nampahalala ny herinao teny amin' ny firenena Hianao. **15** Navotan' ny sandrinao ny olonao, dia ny taranak' i Jakoba sy Josefa. (Sela) **16** Ny rano be nahita Anao, Andriamanitra ô, ny rano be nahita Anao ka toran-kovitra; eny, nanonjanonja ny lalina. **17** Nandatsaka ranonorana ny rahona; nikotrokotroka ny lanitra; nifanaretsaka koa ny zana-tsipìkanao. **18** Ny fikotrokotroky ny kotrokorana dia teo amin' ny tadio; nahazava izao rehetra izao ny helatra; nihovotrovotra sy nihorohoro ny tany. **19** Tany amin' ny ranomasina ny lalanao, ary ny nalehanao dia tany amin' ny rano mandriaka, ka tsy fantatra ny dian-tongotrao. **20** Ny tanan' i Mosesy sy Arona no nitondranao ny olonao toy ny ondry.

78 Maskila nataon' i Asafa. **2** Hiloa-bava hilaza fanoharana aho; hanonona teny saro-pantarina fony taloha aho. **3** Izay efa rentsika sy fantatsika, ary nambaran' ny razantsika tamintsika, **4** Dia tsy mba hafenintsika amin' ny zanany; fa hambarantsika amin' ny taranaka ho avy ny fiderana an' i Jehovah sy ny heriny ary ny fahagagana izay efa nataony. **5** Fa nanorina teni-vavolombelona teo amin' i Jakoba Izy, ary teo amin' Isiraely no nametrahany lalàna, izay nandidiany ny razantsika, hampahafantariny ny zanany; **6** Mba hahafantatra izany ny taranaka ho avy — dia ny zaza mbola hateraka — ka hitsangana

hitory izany amin' ny zanany kosa, **7** Mba hametraka ny fanantenany amin' Andriamanitra, ka tsy hanadino ny asany, fa hitandrina ny didiny; **8** Mba tsy ho tahaka ny razany, izay taranaka maditra sy miodina, izy, dia taranaka izay tsy nampiomana ny fony, sady tsy marina tamin' Andriamanitra ny fanahiny. **9** Ny zanak' i Efraima, izay nitondra tsipìka hitifirany, dia niamboho tamin' ny andro fiadiana. **10** Tsy nitandrina ny fanekena amin' Andriamanitra izy, ary tsy nety nandeha araka ny lalàny; **11** Nanadino ny asany izy sy ny fahagagana izay nampahitàny azy. **12** Teo anatrehan' ny razany no nanaovany fahagagana tany amin' ny tany Egypta, dia tany amin' ny tany lemak' i Zoana. **13** Nampisaraka ny ranomasina Izy ka nitondra azy nita, dia nampijanona ny rano ho toy ny antontan-javatra. **14** Ary ny rahona no nitondrany azy raha antoandro, sy afo mahazava nony alina. **15** Namaky vatolampy tany an-efitra Izy, ka nampisotro azy nanaram-po tahaka ny amin' ny rano lalina. **16** Ary nampivoaka rano mandriaka avy tamin' ny harambato Izy ka nampirotsaka rano ho tahaka ny ony. **17** Kanjo mbola nandroso nanota taminy ihany izy ireo, ka nampahatezitra ny Avo Indrindra tany an-efitra. **18** Dia naka fanahy an' Andriamanitra tam-pony izy, tamin' ny nilàny hanina araka ny nahaliana azy. **19** Dia niteny nanohitra an' Andriamanitra izy ka nanao hoe: mahavelatra latabatra atỳ an-efitra va Andriamanitra? **20** Indro, namely ny vatolampy Izy, dia nigororoana ny rano ka nandriaka; mahay manome mofo koa va Izy? Mahatonga hena ho an' ny olony va Izy? **21** Koa nony ren' i Jehovah izany, dia tezitra Izy; ary nisy afo nirehitra tamin' i Jakoba, sady nisy fahatezerana namely ny Isiraely, **22** Satria tsy nino an' Andriamanitra izy ireo ka tsy natoky ny famonjeny. **23** Kanefa nandidy ny rahona tany ambony Izy, ary ny varavaran' ny lanitra no novohàny, **24** Dia nandatsaka mana teny aminy hohaniny Izy, ary varin' ny lanitra no nomeny azy. **25** Ny fihinan' ny mahery no nohanin' ny olona; nanaterany hanina hahavoky azy izy. **26** Nampandeha ny rivotra avy any atsinanana teny amin' ny lanitra Izy ary ny heriny no nitondrany ny rivotra avy any atsimo. **27** Dia nampilatsahany hena betsaka hoatra ny vovoka izy sy voro-manidina hoatra ny fasiky ny ranomasina, **28** Ka nalatsany teny afovoan' ny tobiny, manodidina ny fitoerany. **29** Dia nihinana izy ireo ka voky tsara, ary izay nilainy dia nomeny azy. **30** Nefa tsy niala tamin' ny filàny izy, ary mbola teo am-bavany ihany ny haniny; **31** Dia nirehitra taminy ny fahatezeran' Andriamanitra, ka nahafatesany ny tremalahy teo aminy, ary naripany ny zatovolahin' ny Isiraely. **32** Fa na dia izany rehetra izany aza, dia mbola nanota ihany izy ireo ka tsy nino ny fahagagana nataony. **33** Dia nampahalevona ny androny toy ny fofonaina Izy, ary ny taonany tamin' ny fampitahorana. **34** Raha novonoiny izy ireo, dia nitady hahalala an' Andriamanitra izy, ary niverina nikatsaka Azy. **35** Dia nahatsiaro izy fa Andriamanitra no Vatolampiny, ary Andriamanitra Avo Indrindra no Mpanavotra azy. **36** Kanefa nanao vava malefaka taminy ireo, ary ny lelany no nandaingàny taminy. **37** Ary ny fony tsy niorina taminy; eny tsy nitana ny fanekeny izy. **38** Nefa Andriamanitra kosa be famindram-po, dia mamela heloka ka tsy mandringana; eny nahatsindry fo tokoa Izy, ka tsy nofohaziny avokoa ny fahavinirany, **39** Fa nahatsiaro Izy fa nofo ihany ireo, dia rivotra izay mandalo ka tsy miverina intsony. **40** Impiry akory izy ireo no efa niodina taminy tany an-efitra, ka nampalahelo Azy tany amin' ny tany foana! **41** Naka fanahy an' Andriamanitra mandrakariva izy, ka nampalahelo ny Iray Masin' ny Isiraely. **42** Tsy mba nahatsiaro ny tànany izy, dia ny andro izay nanavotany azy tamin' ny fahavalo, **43** Izay nanaovany famantarana tany Egypta, sy fahagagana tany an-tany lemak' i Zoana: **44** Nampody ny oniny ho rà Izy, ary ny reniranony tsy azony nisotroana. **45** Nandefa lalitra betsaka hamely azy Izy, ka nandany azy ireny, ary sahona, ka nanimba azy ireny. **46** Dia nanome ny vokatry ny taniny ho an' ny sompanga Izy, ary ny sasany ho an' ny valala. **47** Namono ny voalobony tamin' ny havandra Izy, ary ny aviaviny tamin' ny havandra vaventy. **48** Dia nanolotra ny biby fiompiny ho an' ny havandra Izy, ary ny omby aman' ondriny ho an' ny varatra. **49** Nandatsaka ny fahatezerany mirehitra taminy Izy: eny, fahavinirana sy fahatezerana ary fampahoriana, dia anjely andiany mitondra loza. **50** Namboatra lalana ho an' ny fahatezerany Izy, ary tsy niaro ny fanahin' ireo tamin' ny fahafatesana, fa nanolotra ny ainy ho lanin' ny areti-mandringana; **51** Ary namely ny lahimatoa rehetra tany Egypta Izy, dia ny voalohan' ainy tany an-dain' i Hama; **52** Fa namindra toerana ny olony toy ny ondry Izy, ary nitondra azy tany an-efitra toy ny ondry andiany. **53** Nentiny soa aman-tsara izy ireo ka tsy mba natahotra; fa ny fahavalony kosa voasaron' ny ranomasina. **54** Ary nitondra azy ho any amin' ny tany misy ny fitoerany masìna Izy, dia ny tendrombohitra izay azon' ny tànany ankavanana. **55** Ary nandroaka ny jentilisa teo anoloany Izy, ka nanome ny tanin' ireny ho lova nozaraina tamin' ny famolaina, dia nampitoetra ny firenen' Isiraely tao an-dainy. **56** Nefa naka fanahy an' Andriamanitra Avo Indrindra izy ka niodina taminy, ary ny teni-vavolombelony tsy notandremany. **57** Ary nihemotra izy ka nivadika tahaka ny razany. Dia nania tahaka ny tsipìka manjiona. **58** Ary nampahatezitra Azy tamin' ny fitoerana avony izy, sady nahasaro-piaro Azy tamin' ny sarin-javatra voasokitra. **59** Ary nandre izany Andriamanitra, dia tezitra Izy ka nolaviny mihitsy ny Isiraely, **60** Sady nahafoy ny tabernakeliny tao Silo Izy, dia ny lay izay naoriny teo amin' ny olona; **61** Dia natolony ho babo ny heriny ary ny voninahiny ho eo an-tànan' ny fahavalo. **62** Dia nanolotra ny olony ho an' ny sabatra Izy; ary tezitra Indrindra tamin' ny lovany Izy. **63** Ny zatovolahiny dia lanin' ny afo; ary ny zatovovaviny tsy mba nanaovana hiram-panambadiana. **64** Ny mpisorony lavon-tsabatra, nefa ny mpitondratenan' ireo tsy nisaona. **65** Dia nifoha ny Tompo tahaka ny anankiray avy natory, tahaka ny lehilahy mahery izay miantsoantso azon' ny divay. **66** Dia namely ny fahavalony hiamboho Izy ka nahafa-baraka azy mandrakizay. **67** Dia nanary ny lain' i Josefa Izy, ary ny firenen' i Efraima tsy nofidiny. **68** Fa nifidy ny firenen' i Joda kosa Izy, dia ny tendrombohitra Ziona izay tiany. **69** Dia nanao ny fitoerany masìna ho tahaka ny havoana Izy, tahaka ny tany izay naoriny ho mandrakizay. **70** Dia nifidy an' i Davida mpanompony ka naka azy avy tany am-balan'

ondry; **71** Tany amin' ny fiandrasany ny ondry ampianahana no nakàny azy, mba hiandry an' i Jakoba olony sy Isiraely lovany; **72** Dia niandry ireo araka ny hitsin' ny fony izy, ka nitondra azy araka ny fahaizan' ny tànany.

79 Salamo nataon' i Asafa. **2** Ny fatin' ny mpanomponao nomeny hohanin' ny voro-manidina, ny nofon' ny olonao masìna ho an' ny bibidia; **3** Ny ràny naidiny manodidina an' i Jerosalema tahaka ny rano, ary tsy nisy handevina. **4** Tonga fandatsan' ny namanay izahay, sady faneso sy fanakoran' izay manodidina anay. **5** Mandra-pahoviana, Jehovah ô, no hanontolo fo Hianao, ka hirehitra tahaka ny afo ny fahasaro-piaoronao? **6** Aidino amin' ny jentilisa izay tsy mahalala Anao ny fahatezeranao, sy amin' ny fanjakana izay tsy miantso ny anaranao; **7** Fa efa nandany an' i Jakoba izy ireo sady nandrava ny fonenany. **8** Aza tsarovana aminay ny heloky ny razanay; aoka ho avy faingana hitsena anay ny fiantrànao, fa reraka indrindra izahay. **9** Vonjeo izahay, ry Andriamanitry ny famonjena anay ô, noho ny voninahitry ny anaranao; ary afaho izahay, ka mamelà ny helokay, noho ny anaranao. **10** Nahoana ny jentilisa no hanao hoe: aiza izay Andriamaniny? aoka ho fantatra amin' ny jentilisa eo imasonay ny famaliana ny ran' ny mpanomponao izay nalatsaka. **11** Aoka ho tonga eo anatrehanao ny fisentoan' ny mpifatotra; araka ny halehiben' ny sandrinao dia arovy tsy ho faty ny zanaky ny fahafatesana. **12** Ary valio impito heny ho ao an-tratran' ny mifanila fonenana aminay ny fanaratsiana izay nanaratsiany Anao, Tompo ô. **13** Fa izahay, olonao sy ondry fiandrinao, dia hisaotra Anao mandrakizay; hatramin' ny taranaka fara mandimby no hilazanay ny fideràna Anao.

80 Ho an' ny mpiventy hira. Al-shoshanim-edoth. Salamo nataon' i Asafa. Ry Mpiandry ny Isiraely ô, mihainoa, Hianao Izay mitondra an' i Josefa toy ny ondry; Hianao, Izay mipetraka amin' ny kerobima, mamirapiratra. **2** Fohazy ny herinao eo anoloan' i Efraima sy Benjamina ary Manase, ka avia hamonjy anay. **3** Andriamanitra ô, ampodio izahay, ka ampamirapirato ny Tavanao, ary aoka hovonjena izahay. **4** Jehovah, Andriamanitry ny maro ô, mandra-pahoviana no hanetroka amin' ny fivavaky ny olonao ny fahatezeranao? **5** Mampihinana azy mofo len-dranomaso Hianao, ary mampisotro azy ranomaso tovozina. **6** Ataonao ho fifandirana amin' ny mifanila fonenana aminay izahay; ary ny fahavalonay mifaly handatsa. **7** Andriamanitry ny maro ô, ampodio izahay, ka ampamirapirato ny tavanao, ary aoka hovonjena izahay. **8** Nisy voaloboka nafindranao avy tany Egypta; nandroaka ny jentilisa Hianao ka namboly azy kosa. **9** Nitevy teo alohany Hianao, dia namaka lalina izy ka nameno ny tany. **10** Nanaloka ny tendrombohitra ny alokalony, ary ny sampany nanaloka ny sedera andrian-kazo. **11** Nampisandrahaka ny rantsany hatramin' ny ranomasina izy, ary ny sakeliny hatramin' ny Ony. **12** Nahoana no noravànao ny fefiny ka anotazan' izay rehetra mandalo eny an-dalana izy? **13** Ny lambo avy any an' ala mitrongy azy; ary izay bibi-dia any an-tsaha mandàny azy. **14** Ry Andriamanitry ny maro ô, miverena, ka tsilovy any an-danitra, ary jereo, ka vangio ity voaloboka ity. **15** Arovy izay nambolen' ny tananao ankavanana sy ny zanaka izay nampaherezinao ho Anao. **16** Voadotry ny afo izy sady voakapa; fongotry ny fananaran' ny tavanao izy. **17** Aoka ny tananao ho amin' ny lehilahin' ny tananao ankavanana, dia amin' ny zanak' olombelona izay nampaherezinao ho Anao. **18** Dia tsy hihemotra hiala aminao izahay; velomy izahay, dia hiantso ny anaranao. **19** Ry Jehovah, Andriamanitry ny maro ô, ampodio izahay; ampamirapirato ny tavanao, ary aoka hovonjena Izahay.

81 Ho an' ny mpiventy hira. Al-gitith. Nataon' i Asafa. Mihobia ho an' Andriamanitra herintsika; manaova feo fifaliana ho an' Andriamanitr' i Jakoba. **2** Asandrato ny hira, ka velezo ny ampongatapaka, ary tendreo ny lokanga mahafinaritra mbamin' ny valiha. **3** Tsofy ny anjomara amin' ny volana; eny, amin' ny feno-volana, dia amin' ny andro firavoravoantsika. **4** Fa lalàna ho an' ny Isiraely izany, ary fitsipik' Andriamanitr' i Jakoba. **5** Notendreny ho vavolombelona eo amin' i Josefa izany, raha nandeha namely ny tany Egypta Izy; nandre teny tsy fantatro aho. **6** Nampiala ny sorony tamin' ny entana Aho; nitsahatra tsy nitondra sobiky ny tànany. **7** Fony azom-pahoriana ianao, dia niantso Ahy, ka namonjy anao Aho; namaly anao tao amin' ny fiafenan' ny kotrokorana Aho, ary nizaha toetra anao tao amin' ny ranon' i Meriba. (Sela) **8** Mihainoa, ry oloko, dia hambarako aminao; enga anie hihaino Ahy ianao, ry Isiraely. **9** Aza asiana andriamani-kafa eo aminao; ary aza mivavaka amin' ny andriamanitry ny firenena hafa. **10** Izaho no Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao niakatra avy tany amin' ny tany Egypta; atanatanao ny vavanao, dia hofenoiko. **11** Fa tsy nihaino ny feoko ny oloko; ary ny Isiraely tsy nankato Ahy; **12** Ka dia navelako hanaraka ny ditry ny fony Izy, handehanany manaraka ny fisainan' ny tenany. **13** Enga anie ka hihaino Ahy ny oloko, dia handeha amin' ny lalako ny Isiraely; **14** Vetivety dia hampietry ny fahavalony Aho, ka hamerina ny tanako hamely ny rafiny; **15** Izay mankahala an' i Jehovah dia hikoy aminy, ka dia haharitra mandrakizay ny andron' ny oloko; **16** Ary hampihinana azy vary tsara indrindra Izy; eny, tantely avy amin' ny vatolampy no hamokisako anao.

82 Salamo nataon' i Asafa. **2** Mandra-pahoviana no hitsaràna reo tsy marina ka ihenaranareo maso ny ratsy fanahy? (Sela) **3** Alaharo ny tenin' ny mahantra sy ny kamboty; omeo rariny ny ory sy ny malahelo; **4** Vonjeo ny mahantra sy ny malahelo; afaho amin' ny tanan' ny ratsy fanahy izy. **5** Tsy mahalala na mahazo an-tsaina ireny; ao amin' ny maizina no andehanany; mihorohoro ny fanambanin' ny tany rehetra. **6** Hoy izaho: Andriamanitra ianareo, ary zanaky ny Avo Indrindra ianareo rehetra; **7** Kanjo ho faty tahaka ny olona ihany ianareo, ary samy ho lavo tahaka ny anankiray amin' ny lehibe. **8** Mitsangàna, Andriamanitra ô, tsarao ny tany; fa Hianao no handova ny firenena rehetra.

83 Tonon-kira. Salamo nataon' i Asafa. Andriamanitra ô, aza mangìna; aza mihombom-bava Hianao, ary aza mamitsaka, Andriamanitra ô. **2** Fa, indro, mitabataba ny

fahavalonao; ary izay mankahala Anao dia manandratra ny lohany. **3** Ny olonao no iokoany amin' ny hafetsena; ary miara-misaina hamely izay voafinao izy. **4** Hoy izy: Avia, ka andeha hofongorantsika tsy ho firenena izy, mba tsy hotsarovana intsony ny anaran' Isiraely. **5** Fa efa niray tetika tokoa ireo, ka nanao fanekena hanohitra Anao, **6** Dia ny lain' ny Edomita sy ny Isimaelita, ny Moabita sy ny Hagarita, **7** Ny Gebalita sy ny Amonita ary ny Amalekita, ny Filistina mbamin' ny mponina any Tyro. **8** Ny Asyriana koa nikambana taminy; tonga sandrin' ny taranak' i Lota ireo. (Sela) **9** Ataovy tahaka ny Midiana izy, ary tahaka an' i Sisera sy Jabina teo amin' ny ony Kisona; **10** Maty tany En-dora ireo; tonga zeziky ny tany izy. **11** Ataovy tahaka an' i Oreba sy Zeba ny mpanapaka azy. Eny, ny andrianany rehetra dia ataovy tahaka an' i Zebaha sy Zaimona, **12** Izay nanao hoe: aoka halaintsika ho antsika ny fonenan' Andriamanitra. **13** Andriamanitro ô, ataovy tahaka ny tadio ireo, dia tahaka ny akofa entin' ny rivotra, **14** Tahaka ny afo mandoro ala sy tahaka ny lelafo mampirehitra tendrombohitra; **15** Aoka ho toy izany no anafotofotoanao azy amin' ny tadionao, sy ampahatahoranao azy amin' ny tafio-drivotrao. **16** Sarony henatra ny tavany, mba hitadiavany ny anaranao, Jehovah ô. **17** Aoka ho menatra sy ho amin-tahotra mandrakizay izy; eny, aoka hangaihay sy haringana izy. **18** Ary aoka ho fantany fa Hianao irery ihany, Izay atao hoe Jehovah, no ilay Avo Indrindra ambonin' ny tany rehetra.

84 Ho an' ny mpiventy hira. Al-hagitith. Salamo nataon' ny Koraïta. Endrey ny hatsaran' ny tabernakelinao, Jehovah, Tompon' ny maro, ô! **2** Manina sady vonton' alahelo ny kianjan' i Jehovah ny fanahiko; ny foko sy ny nofoko mihoby an' Andriamanitra velona. **3** Eny, ny tsikirity mahita trano, ary ny sidintsidina mahita akany ho azy hametrahany ny zanany. Dia ny alitaranao, Jehovah, Tompon' ny maro ô, Mpanjakako sy Andriamanitro. **4** Sambatra izay mitoetra ao an-tranonao; hidera Anao mandrakariva izy. (Sela) **5** Sambatra izay olona manankery avy aminao; ao am-pony ny lalana; **6** Raha mandeha mamaky ny lohasaha Baka izy, Dia ataony misy loharano izany, ary ny loha-orana manarom-pitahiana azy. **7** Miampy hery eny am-pandehanana izy; samy miseho eo anatrehan' Andriamanitra any Ziona izy rehetra. **8** Jehovah, Andriamanitry ny maro ô, henoy ny fivavako; mandrenesa ry Andriamanitr' i Jakoba ô. (Sela) **9** Andriamanitra, Ampinganay ô, tsinjovy ka jereo ny tavan' ny voahosotrao. **10** Fa ny indray andro eo an-kianjanao dia tsara noho ny arivo; aleoko mipetraka eo amin' ny tokonam-baravaran' ny tranon' Andriamanitra, toy izay mitoetra ao an-dain' ny ratsy fanahy. **11** Fa Masoandro sy Ampinga Jehovah Andriamanitra; fahasoavana sy voninahitra no homen' i Jehovah; tsy hiaro zava-tsoa amin' izay mandeha amin' ny fahitsiana izy. **12** Jehovah, Tompon' ny maro ô, sambatra izay olona matoky Anao.

85 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' ny Koraïta. Jehovah ô, efa naneho fitia tamin' ny taninao Hianao, Efa nampodinao Jakoba avy tamin' ny fahababoany. **2** Voaisotrao ny heloky ny olonao, Voasaronao ny fahotany rehetra. (Sela) **3** Efa nampijanona ny fahatezeranao rehetra Hianao, Ary niala tamin' ny fahatezeranao mirehitra. **4** Miverena aminay, ry Andriamanitry ny famonjena anay ô, Ary ampitsaharo ny fahatezeranao aminay. **5** Ho tezitra aminay mandrakizay va Hianao? Hampaharetinao hahatratra ny taranaka fara mandimby va ny fahatezeranao? **6** Tsy hovelominao indray va izahay, Mba hifalian' ny olonao aminao? **7** Asehoy anay ny famindram-ponao, Jehovah ô, Ka omeo anay ny famonjenao. **8** Hihaino izay holazain' i Jehovah Andriamanitra aho; Fa hilaza fiadanana amin' ny olony Izy, dia amin' ny olony masìna; Koa aoka tsy hiverina ho ao amin' ny fahadalana ireo. **9** Eny tokoa, akaikin' izay matahotra Azy ny famonjeny, Mba hitoeran' ny voninahitra eo amin' ny tanintsika. **10** Mihaona ny famindram-po sy ny fahamarinana; Mifanoroka ny rariny sy ny fihavanana. **11** Ny fahamarinana mitsimoka amin' ny tany; Ary ny rariny mitsinjo eny an-danitra. **12** Eny, Jehovah hanome ny tsara Ary ny tanintsika hahavoka-javatra. **13** Ny rariny no hialoha Azy, Sady hizotra hanaraka ny diany eny an-dalana.

86 Fivavak' i Davida. **2** Arovy ny fanahiko, fa masìna aho; Andriamanitro ô, vonjeo ny mpanomponao, Izay matoky Anao. **3** Tompo ô, mamindrà fo amiko; Fa Hianao no itarainako mandrakariva. **4** Ampifalio ny fanahin' ny mpanomponao; Fa Hianao, Tompo ô, no ananganako ny fanahiko. **5** Fa Hianao, Tompo ô, no tsara sady mamela heloka Ary be famindram-po amin' izay rehetra miantso Anao. **6** Mandrenesa ny fivavako, Jehovah ô, Ary henoy ny feon' ny fifonako. **7** Amin' ny andro fahoriako dia miantso Anao aho, Fa mamaly ahy Hianao. **8** Tsy misy tahaka Anao, Tompo ô, amin' ireo andriamanitra; Ary tsy misy tahaka ny asanao. **9** Ny firenena rehetra nataonao dia ho avy hiankohoka eo anatrehanao, Tompo ô, Ka hanome voninahitra ny anaranao. **10** Fa lehibe Hianao ka manao zava-mahagaga; Hianao irery ihany no Andriamanitra. **11** Ampianaro ny lalanao aho, Jehovah ô, Dia handeha amin' ny fahamarinanao aho; Ampiraiso ny foko hatahotra ny anaranao. **12** Hidera Anao amin' ny foko rehetra aho, Andriamanitro Tompo ô Hanome voninahitra ny anaranao mandrakizay aho. **13** Fa lehibe ny famindram-ponao amiko; Ary efa novonjenao ny fanahiko tsy ho any amin' ny fiainan-tsi-hita ambany indrindra. **(Sheol h7585)** **14** Andriamanitra ô, ny mpirehareha mitsangana hanohitra ahy, Ary ny antokon' ny lozabe mitady ny aiko; Ary tsy mba heveriny fa eo anatrehany Hianao. **15** Fa Hianao, Tompo ô, dia Andriamanitra mamindrà fo sy miantra, Mahari-po sady be famindram-po sy fahamarinana. **16** Todiho aho ka amindrao fo; Omeo ny herinao ny mpanomponao, Ary vonjeo ny zanaky ny ankizivavinao. **17** Anehoy famantarana ny ho soa aho, Mba ho hitan' izay mankahala ahy, ka ho menatra izy; Fa Hianao Jehovah ô, no namonjy sy nampionona ahy.

87 Salamo nataon' ny Koraïta. Tonon-kira. **2** Ny vavahadin' i Ziona dia tian' i Jehovah mihoatra noho ny fonenana rehetra izay an' i Jakoba. **3** Zava-malaza no anambarana anao Ry tanànan' Andriamanitra. (Sela)

4 Hanonona an-dRahaba sy Babylona Aho ho isan' izay mahalala ahy; Indro Filistia sy Tyro mbamin' i Etiopia, Ity no efa teraka teo. **5** Ary Ziona hilazana hoe: Ireto sy ireroa samy efa teraka teo; Ary ny Avo Indrindra no mampitoetra azy. **6** Jehovah hanisa, raha manoratra ny firenena Izy: Ity no efa teraka teo. (Sela) **7** Hoy izay mihira sy mandihy: Ny loharanoko rehetra dia ao aminao.

88 Tonon-kira. Salamo nataon' ny Koraïta. Ho an' ny mpiventy hira. Almahalath-leanoth. Maskila nataon' i Hemana Ezrahita. Jehovah ô, Andriamanitry ny famonjena ahy, Andro aman' alina no itarainako eo anatrehanao; **2** Aoka ny fivavako ho tonga eo anatrehanao; Atongilano amin' ny fitarainako ny sofinao; **3** Fa diboka ny fahoriana ny fanahiko; Ary ny aiko manakaiky ny fiainan-tsi-hita. **(Sheol h7585)** **4** Natao ho isan' izay midìna any an-davaka aho Ary efa tahaka izay tsy manan-kery; **5** Efa nafoy ho any amin' ny maty aho, Tahaka izay voavono, mandry ao am-pasana, Izay tsy tsarovanao intsony, Fa voafongotry ny tananao. **6** Efa nametraka ahy any an-davaka ambany indrindra Hianao, Ao amin' ny maizina, dia ao amin' ny lalina. **7** Ny fahatezeranao manindry ahy mafy, Ary ny alon-dranonao rehetra azeranao amiko. (Sela) **8** Efa nampanalavirinao ahy ny olona nahazatra ahy; Efa nataonao fahavetavetana eo imasony aho; Voahidy aho ka tsy afa-mivoaka. **9** Ny masoko efa pahina noho ny fahoriana; Jehovah ô, miantso Anao isan' andro aho, Mamefy tanana aminao aho. **10** Haneho fahagagana amin' ny maty va Hianao? Ny matoatoa va no hitsangana hidera Anao? **11** Hotorina any am-pasana va ny famindram-ponao, Ary ny fahamarinanao any amin' ny fandringanana? **12** Ho fantatra ao amin' ny maizina va ny fahagagana ataonao, Ary ny fahamarinanao ao amin' ny tany fanadinoana? **13** Fa raha izaho, dia Hianao no itarainako, Jehovah ô; Ary ny fivavako tonga eo anatrehanao nony maraina. **14** Jehovah ô, nahoana no manary ny fanahiko Hianao Ka manafina ny tavanao amiko? **15** Ory aho ka efa ho faty hatramin' ny fahazazako; Raha itambesa-ran' ny fampitahoranao aho, dia very hevitra; **16** Manafotra ahy ny fahatezeranao; Matin' ny fampitahoranao aho; **17** Mandifotra ahy mandrakariva tahaka ny rano ireny; Miara-manodidina ahy izy. **18** Efa nampanalavirinao ahy ny olona tia ahy sy ny sakaizako; Ireo nahazatra ahy dia fahamaizinana.

89 Maskila nataon' i Etana Ezrahita. Ny famindram-pon' i Jehovah no hohiraiko mandrakizay; Hatramin' ny taranaka fara mandimby no hampahafantaran' ny vavako ny fahamarinanao. **2** Fa hoy izaho Hotovonana mandrakizay ny famindram-po; Ny fahamarinanao hampitoerinao any an-danitra. **3** "Efa nanao fanekena tamin' ny voafidiko Aho; Eny, efa nianiana tamin' i Davida mpanompoko Aho hoe: **4** Hampitoetra ny taranakao ho mandrakizay Aho Ka hanangana ny seza fiandrianan ao hatramin' ny taranaka fara mandimby." (Sela) **5** Ary ny lanitra hidera ny fahagagana ataonao, Jehovah ô, Ary ny fahamarinanao koa ao amin' ny fiangonan' ny olo-masìna. **6** Fa iza any an-danitra no mitovy amin' i Jehovah? Ary iza amin' ny zanak' ireo andriamanitra no manahaka an' i Jehovah, **7** Dia Andriamanitra mahatahotra indrindra eo amin' ny fiangonan' ny olo-masiny Ary hajain' izay rehetra manodidina Azy? **8** Jehovah, Andriamanitry ny maro, ô, iza no mahery tahaka Anao, Jehovah? Ary manodidina Anao ny fahamarinanao. **9** Hianao manapaka ny fisavoan' ny ranomasina; Raha manonja ny alony, dia mampitsahatra azy Hianao. **10** Hianao nanorotoro an-dRahaba ho tahaka izay voavono; Ny sandrinao mahery no nampielezanao ny fahavalonao. **11** Anao ny lanitra, Anao koa ny tany; Izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy. Hianao no nanorina azy. **12** Ny avaratra sy ny atsimo. Hianao no nahary azy; Ny anaranao no ihobian' i Tabara sy Hermona. **13** Manan-tsandry mahery Hianao; Mahery ny tananao, avo ny tananao ankavanana. **14** Rariny sy fitsarana no fanorenan' ny seza fiandrianan ao; Famindram-po sy fahamarinana no mialoha ny tavanao. **15** Sambatra izay olona mahalala ny feo mahafaly; Jehovah ô, amin' ny fahazavan' ny tavanao no handehanany. **16** Ny anaranao no hifaliany mandrakariva; Ary ny fahamarinanao no hisandratany. **17** Fa voninahitry ny heriny Hianao; Ary amin' ny fankasitrahanao no hisandratan' ny tandrokay. **18** Fa an' i Jehovah ny ampinganay; Ary an' ny Iray Masin' ny Isiraely ny mpanjakanay. **19** Tamin' izany ny olonao masìna dia nilazanao tamin' ny fahitana hoe: Nametraka famonjena tamin' izay mahery Aho Ary nanandratra ny anankiray voafidy tamin' ny olona. **20** Efa nahita an' i Davida mpanompoko Aho; Ny diloiloko masìna no nanosorako azy; **21** Izy no homban' ny tanako; Eny, ny sandriko no hampahery azy. **22** Tsy hamitaka azy ny fahavalo; Ary tsy hampahory azy ny ratsy fanahy. **23** Fa handripaka ny fahavalony eo anoloan' ny tavany Aho Sady hamely izay mankahala azy. **24** Ny fahamarinako sy ny famindram-poko homba azy; Ary ny anarako no hisandratan' ny tandrony. **25** Dia hampitoetra ny tànany amin' ny ranomasina Aho Ary ny tànany ankavanana amin' ny ony. **26** Izy hiantso Ahy hoe: Raiko Hianao, Andriamanitro sy Vatolampin' ny famonjena ahy. **27** Ary Izaho kosa hanao azy ho lahimatoa, Ambony indrindra amin' ny mpanjakan' ny tany. **28** Hitahiry ny famindram-poko ho azy mandrakizay Aho, Ary ny fanekeko hampaharetiko aminy. **29** Hampaharitra ny taranany ho mandrakizay Aho, Ary ny seza fiandrianany ho tahaka ny faharetan' ny lanitra. **30** Raha mahafoy ny lalàko ny zanany Ka tsy mandeha araka ny fitsipiko, **31** Raha ny teniko no ataony ho fahavetavetana, Ary ny didiko no tsy tandremany, **32** Dia hovaliako tsorakazo ny fahadisoany, Ary kapoka ny helony. **33** Nefa ny famindram-poko tsy hofoanako aminy, Ary ny fahamarinako tsy havadiko, **34** Ny fanekeko tsy hotsoahako, Ary ny nolazain' ny molotro tsy hovako. **35** Izao zavatra iray loha izao no nianianako tamin' ny fahamasinako, Tsy handainga amin' i Davida mihitsy Aho: **36** Ny taranany haharitra mandrakizay, Ary ny seza fiandrianany ho tahaka ny masoandro eo anatrehako; **37** Hampitoerina mandrakizay tahaka ny volana izy, Tahaka ny vavolombelona marina any an-danitra. (Sela) **38** Fa efa narianao sy nolavinao izy; Efa tezitra tamin' ny voahosotrao Hianao. **39** Efa nahafoana ny fanekena tamin' ny mpanomponao Hianao; Efa nataonao ho fahavetavetana ny satro-boninahiny ka

narianao teny an-tany. **40** Efa noravanao ny fefiny rehetra; Efa nosimbanao ny fiarovany mafy. **41** Izay rehetra mandalo eny an-dalana dia manimba azy; Efa fandà-tsan' ny mpiray monina aminy izy. **42** Efa nampisandratra ny tanana ankavanan' ny rafilahiny Hianao Ary efa nampifaly ny fahavalony rehetra. **43** Efa nampihemotra ny lelan' ny sabany Hianao Ka tsy nampaharitra azy tamin' ny ady. **44** Efa nampitsahatra ny voninahiny Hianao Ka nanongana ny seza fiandrianany ho amin' ny tany. **45** Efa nahafohy ny andron' ny fahatanorany Hianao Ary efa nanaronkenatra azy. (Sela) **46** Mandra-pahoviana, Jehovah ô? Hiery mandrakizay va Hianao? Mirehitra tahaka ny afo va ny fahatezeranao? **47** Tsarovy ny hafohin' ny androko; Toa zava-poana mihitsy ny namorononanao ny zanak' olombelona rehetra! **48** Iza no olona ho velona tsy hahita fahafatesana, Fa hamonjy ny fanahiny tsy ho azon' ny tanan' ny fiainan-tsihita? (Sela) **(Sheol h7585)** **49** Tompo ô, aiza ny famindram-ponao fahiny, Izay nianiananao tamin' i Davida tamin' ny fahamarinanao? **50** Tompo ô, tsarovy ny latsa manjo ny mpanomponao, Ny tratrako vesaran' ny firenena rehetra, **51** Dia ny nandatsan' ny fahavalonao, Jehovah ô, Eny, ny nandatsany ny dian' ny voahosotrao. **52** Isaorana mandrakizay anie Jehovah. Amena dia Amena.

90 Fivavak' i Mosesy, lehilahin' Andriamanitra. **2** Fony tsy mbola ary ny tendrombohitra, Na voaforonao ny tany sy izao rehetra izao, Dia Andriamanitra Hianao hatramin' ny taloha indrindra ka mandrakizay. **3** Mamerina ny olona ho amin' ny vovoka Hianao Ka manao hoe: Miverena, ry zanak' olombelona. **4** Fa eo imasonao ny arivo taona dia toy ny fandalon' ny omaly, Ary tahaka ny fotoam-piambenana iray amin' ny alina. **5** Manindao azy tahaka ny riaka Hianao torimaso izy; Amin' ny maraina tahaka ny ahitra mora miova izy. **6** Amin' ny maraina mamony izy, nefa mora miova; Amin' ny hariva voajinja izy ka maina. **7** Fa lanin' ny fahatezeranao izahay, Ary raiki-tahotra noho ny fahaviniranao. **8** Ny helokay efa nataonao teo anatrehanao, Ary ny fahotanay miafina teo amin' ny fahazavan' ny tavanao. **9** Fa ny androanay rehetra efa lasa amin' ny fahatezeranao; Efa laninay toy ny eritreritra ny taonanay. **10** Fito-polo taona no andron' ny taonanay Ary raha tàhiny mateza aza, dia valo-polo taona, Nefa fahasasarana sy zava-poana ny voninahiny, Fa mihelina faingana izany, ka lasa manidina izahay. **11** Iza no mahafantatra ny herin' ny fahatezeranao sy ny fahaviniranao Araka izay tokony ho fahatahorana Anao? **12** Mampianara anay hanisa ny andronay, Hahazoanay fo hendry. **13** Miverena, Jehovah ô! Mandra-pahoviana? Ary mba aneneno ny amin' ny mpanomponao. **14** Vokiso ny famindram-ponao nony maraina izahay, Mba hihobianay sy hifalianay amin' ny andro rehetra hiainanay. **15** Mampifalia anay araka ny andro nampahorianao anay Sy ny taona nahitanay loza. **16** Aoka hiseho amin' ny mpanomponao ny asanao, Ary ny voninahitrao amin' ny zanany. **17** Ary aoka ho aminay ny fahasoavan' ny Tompo Andriamanitray; Ary ampitoero aminay ny asan' ny tananay; Eny, ny asan' ny tananay, ampitoero izy.

91 Ny mitoetra ao amin' ny fierena izay an' ny Avo Indrindra Dia monina eo ambanin' ny aloky ny Tsitoha. **2** Izaho hilaza an' i Jehovah hoe: Fialofako sy batery fiarovana ho ahy Izy Ary Andriamanitro, Izay hitokiako. **3** Fa Izy no hanafaka anao amin' ny fandriky ny mpihaza sy ny areti-mandoza. **4** Ny volon' elany no anaronany anao, Ary ao ambanin' ny elany no hialofanao; Ho ampinga kely sy ampinga lehibe ny fahamarinany. **5** Tsy hatahotra ny horohoro nony alina ianao, Na ny zana-tsipìka manidina nony andro, **6** Na ny areti-mandringana mandeha amin' ny maizina, Na ny fandringanana mandripaka amin' ny mitataovovonana. **7** Na dia hisy arivo aza lavo eo anilanao sy iray alina eo an-kavananao, Dia tsy hihatra aminao izany **8** Hijery maso fotsiny ianao, Ka ho hitanao ny hamaliana ny ratsy fanahy. **9** Satria hoy ianao: Jehovah ô, Hianao no aroko, Sady nataonao ho fonenanao ny Avo Indrindra, **10** Dia tsy hisy loza hanjo anao, Na aretina hanakaiky ny lainao. **11** Fa Izy handidy ny anjeliny ny aminao Mba hiaro anao eny amin' izay rehetra halehanao. **12** Eny an-tànany no hitondran' ireo anao, Fandrao ho tafintohina amin' ny vato ny tongotrao. **13** Ny liona masiaka sy ny vipera hodiavinao; Ny liona tanora sy ny menarana no hohitsahinao. **14** Satria Izaho no niraiketan' ny fitiavany, Dia hamonjy azy Aho, Hanandratra azy ho any amin' ny avo Aho, satria mahalala ny anarako izy **15** Hiantso Ahy izy, dia hamaly azy Aho; Ho eo aminy Aho, raha ory izy; Hamonjy sy hanome voninahitra azy Aho. **16** Hovokisako fahela-velona izy Ary hasehoko azy ny famonjeko.

92 Salamo. Tonon-kira hatao amin' ny andro Sabata. Tsara ny hidera an' i Jehovah Sy ny hankalaza ny anaranao, ry Avo Indrindra ô, **2** Ary hanambara ny famindram-ponao nony maraina Sy ny fahamarinanao nony alina, **3** Amin' ny valiha tory folo Sy amin' ny feon-dokanga. **4** Fa ampifalinao amin' ny nataonao aho Jehovah ô; Ny asan' ny tananao no hihobiako. **5** Jehovah ô, akory ny halehiben' ny asanao! Lalina indrindra ny fisainanao. **6** Ny ketrina tsy mahafantatra izany, Ary ny adala koa tsy mba mahalala. **7** Raha mitsiry tahaka ny ahitra ny ratsy fanahy, Ary mamony ny mpanao ratsy rehetra, Dia izany no ho fandringanana azy mandrakizay. **8** Nefa Hianao, Jehovah ô, dia avo mandrakizay. **9** Fa, indreo, ny fahavalonao, Jehovah ô, Fa, indreo, ringana ny fahavalonao; Mihahaka ny mpanao ratsy rehetra. **10** Fa ny tandroko kosa asandratrao ho tahaka ny an' ny ombimanga; Mihosotra diloilo vaovao aho. **11** Ary faly ny masoko mahita ny amin' ny fahavaloko, Ary finaritra ny sofiko mandre ny amin' ny ratsy fanahy izay efa mitsangana hamely ahy. **12** Ny marina hamololona tahaka ny rofia; Hisandrahaka tahaka ny sedera any Libanona izy; **13** Efa nambolena tao an-tranon' i Jehovah izy Ka maniry eo an-kianjan' Andriamanitsika; **14** Mbola manorobona ihany izy, na dia efa antitra aza; Dofodofotra sy maitso izy, **15** Mba hanambara fa mahitsy Jehovah, Vatolampiko Izay tsy misy tsiny.

93 Jehovah no Mpanjaka mitafy voninahitra Izy; Jehovah mitafy, eny, misikìna hery Izy; Ary izao rehetra izao nampitoerina ka tsy hihetsika. **2** Ny seza fiandrianan ao

nampitoerina hatramin' ny fahagola; Hatrizay hatrizay Hianao. **3** Mamandra-peo ny riaka, Jehovah ô, Eny, manandra-peo ny riaka; Mampirohondrohona ny feony ny riaka. **4** Mihoatra noho ny rano sady be no mahery, Eny, mihoatra noho ny onjan-dranomasina lehibe, Ny voninahitr' i Jehovah any amin' ny avo. **5** Ny teni-vavolombelonao dia marina indrindra; Fahamasinana no mendrika ny tranonao mandritra ny andro maro, Jehovah ô.

94 Jehovah, Andriamanitra Mpamaly ny natao, ô, Andriamanitra, Mpamaly ny natao, ô, mamirapirata. **2** Misandrata, ry Mpitsara ny tany, ô; Mamalia ny mpiavonavona. **3** Mandra-pahoviana re ny ratsy fanahy, Jehovah ô, Mandra-pahoviana re no mbola hifalifaly ny ratsy fanahy? **4** Mirezadrezatra sy miteny sahisahy izy; Mirehareha ny mpanao ratsy rehetra. **5** Ny olonao, Jehovah ô, torotoroiny, Ary ny lovanao ampahoriny; **6** Ny mpitondratena sy ny vahiny vonoiny, Ary ny kamboty dia matiny **7** Fa hoy izy: Tsy mijery Jehovah, Ary tsy mandinika Andriamanitr' i Jakoba. **8** Mahalalà ianareo olona ketrina; Ary ianareo adala, rahoviana re no mba ho hendry ianareo? **9** Ny Mpanao ny sofina va tsy handre? Ny Mpamorona ny maso va tsy hahita? **10** Ny Mpampianatra ny jentilisa va tsy hananatra, Dia Izay mampianatra fahalalana ny olona? **11** Jehovah no mahalala ny hevitry ny olona, Fa zava-poana izany. **12** Sambatra izay olona anarinao, Jehovah ô, Sady ampianarinao avy amin' ny lalanao, **13** Mba homenao fitsaharana amin' ny andro fahoriana izy, Mandra-pihady lavaka ho an' ny ratsy fanahy. **14** Fa Jehovah tsy mba hanary ny olony, Ary ny lovany tsy hafoiny. **15** Fa ny fitsarana hiverina ho amin' ny fahamarinana, Ary hanaraka izany ny mahitsy fo rehetra **16** Iza no hitsangana ho ahy hisakana ny mpanao ratsy? Iza no hiseho ho ahy hisakana ny mpanao meloka? **17** Raha tsy Jehovah no Mpamonjy ahy, Dia efa saiky nalaky nitoetra tao amin' ny mangingina ny fanahiko. **18** Fony aho nanao hoe: Mangozohozo ny tongotro, Dia ny famindram-ponao, Jehovah ô, no nanohana ahy. **19** Raha be ny ahiahy ato anatiko Dia mampifaly ny fanahiko ny fampiononanao. **20** Hikambana aminao va ny seza fiandrianan' ny ratsy, Izay misaina fampahoriana manohitra ny lalàna? **21** Manao andiany hamely ny fanahin' ny marina ireo Ka manameloka ny rà marina. **22** Fa tonga fiarovana avo ho ahy Jehovah; Ary vatolampy fialofako Andriamanitro. **23** Dia ampanodiaviny azy ireo ny helony ka aringany noho ny faharatsiany izy; Eny, aringan' i Jehovah Andriamanitsika izy.

95 Avia, aoka isika hihoby ho an' i Jehovah; Aoka isika hanao feo fifaliana ho an' ny Vatolampy famonjena antsika. **2** Aoka hankeo anatrehany amin' ny fiderana isika; Aoka hanao feo fifaliana ho Azy amin' ny fihirana isika. **3** Fa Andriamanitra lehibe Jehovah, Ary Mpanjaka lehibe ambonin' ny andriamanitra rehetra Izy. **4** Eo an-tànany ny fitoerana lalina amin' ny tany; Ary Azy ny tendrombohitra avo. **5** Azy ny ranomasina, fa Izy no nanao azy, Ary ny tany maina dia noforonin' ny tànany. **6** Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika; Aoka isika handohalika eo anatrehan' i Jehovah, Mpanao antsika; **7** Fa Izy no Andriamanitsika; Ary olona fiandriny sy ondry tandremany isika. Enga anie ka hohenoinareo anio ny feony manao hoe: **8** Aza manamafy ny fonareo tahaka ny tao Meriba, Sy tahaka ny tamin' ny andro tao Masa fony tany an-efitra, **9** Izay nakan' ny razanareo fanahy Ahy, Sy nizahany toetra Ahy, na dia efa hitany aza ny asako. **10** Efa-polo taona no nahamonamonaina Ahy tamin' izany taranaka izany, Ka hoy Izaho: Olona maniasia amin' ny fony izy Ka tsy mahalala ny lalako; **11** Ka dia nianiana tamin' ny fahatezerako Aho hoe: Tsy hiditra amin' ny fitsaharako mihitsy izy.

96 Mihira fihiram-baovao ho an' i Jehovah; Mihirà ho an' i Jehovah ry tany rehetra. **2** Mihirà ho an' i Jehovah, misaora ny anarany; Lazao isan' andro isan' andro ny famonjeny mahafaly. **3** Ambarao any amin' ny jentilisa ny voninahiny Ary any amin' ny firenena rehetra ny fahagagana ataony. **4** Fa lehibe Jehovah ka mendrika hoderaina indrindra, Sady mahatahotra, fa ambonin' ny Andriamanitra rehetra. **5** Fa ny andriamanitry ny firenena dia tsinontsinona; Fa Jehovah no nanao ny lanitra. **6** Famirapiratana sy voninahitra no eo anatrehany; Hery sy fahatsaran-tarehy no ao amin' ny fitoerany masìna. **7** Ry firenena, manomeza an' i Jehovah, Eny, manomeza voninahitra sy hery ho an i Jehovah. **8** Manomeza an' i Jehovah ny voninahitry ny anarany; Mitondrà fanatitra, ka mankanesa eo an-kianjany. **9** Miankohofa eo anatrehan' i Jehovah amin' ny fihaingoana masìna; Mangovita eo anatrehany, ry tany rehetra. **10** Lazao any amin' ny jentilisa fa Jehovah no Mpanjaka; Ary izao rehetra izao voaorina ka tsy hihetsika; Hitsara ny olona amin' ny fahamarinana Izy. **11** Aoka ho faly ny lanitra ary ho ravoravo ny tany; Aoka hirohondrohona ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy. **12** Aoka ho faly ny saha sy izay rehetra eo aminy; Dia hihoby amin' izay ny hazo rehetra any an' ala **13** Eo anatrehan' i Jehovah, fa avy Izy, Eny, avy hitsara ny tany Izy; Hitsara izao tontolo izao araka ny rariny Izy Ary ny firenena amin' ny fahamarinany.

97 Jehovah no Mpanjaka, aoka ho faly ny tany; Aoka ho ravoravo ny nosy maro. **2** Rahona sy aizim-pito no manodidina Azy Fahamarinana sy fitsarana no fanorenan' ny seza fiandrianany. **3** Misy afo mialoha Azy ka mandevona ny fahavalony manodidina. **4** Mahazava izao tontolo izao ny helany; Mahita izany ny tany ka mihorohoro. **5** Ny tendrombohitra miempo tahaka ny savoka eo anatrehan' i Jehovah, Dia eo anatrehan' ny Tompon' ny tany rehetra. **6** Ny lanitra maneho ny fahamarinany, Ary ny firenena rehetra mahita ny voninahiny. **7** Aoka ho menatra izay rehetra manompo sarin-javatra voasokitra sy miarahaba tena ny amin' ny andriamani-tsi-izy; Miankohofa eo anoloan' i Jehovah ianareo andriamanitra rehetra. **8** Ziona mandre ka faly; Ary ravoravo ny zanakavavin' i Joda Noho ny fitsaranao, Jehovah ô. **9** Fa Hianao, Jehovah ô, no avo indrindra ambonin' ny tany rehetra; Efa avo ambonin' ny andriamanitra rehetra Hianao. **10** Hianareo izay tia an' i Jehovah, mankahalà ny ratsy; Miaro ny fanahin' ny olony masìna Izy Ary mamonjy azy amin' ny tanan' ny ratsy fanahy. **11** Ny fahazavana no voafafy ho an' ny marina, Ary

ny fifafiana ho an' ny mahitsy fo. **12** Mifalia amin' i Jehovah, ry olo-marina, Ary miderà ny anarany masìna.

98 Fihirana. **2** Jehovah efa nampahafantatra ny famonjeny; Teo imason' ny jentilisa no nanehoany ny fahamarinany. **3** Efa nahatsiaro ny famindram-pony sy ny fahamarinany tamin' ny taranak' i Isiraely Izy; Efa nahita ny famonjen' Andriamanitsika ny vazan-tany rehetra. **4** Mihobia ho an' i Jehovah, ry tany rehetra, Velomy ny hoby, ka mihirà. **5** Mankalazà an' i Jehovah amin' ny lokanga, Dia amin' ny lokanga sy ny feo fihirana, **6** Amin' ny trompetra sy ny fitsofana ny anjomara, Ka mihobia eo anatrehan' i Jehovah Mpanjaka. **7** Aoka hirohondrohona ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy, Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy. **8** Aoka hiteha-tanana ny riaka; Aoka hiaramihoby aminy koa ny tendrombohitra **9** Eo anatrehan' i Jehovah, fa avy hitsara ny tany Izy; Hitsara izao rehetra izao amin' ny fahamarinana Izy Ary ny firenena amin' ny fahitsiana.

99 Jehovah no Mpanjaka aoka hangovitra ny firenena; Mipetraka amin' ny kerobima Izy, aoka hihorohoro ny tany. **2** Lehibe any Ziona Jehovah; Ary avo ambonin' ny firenena rehetra Izy. **3** Aoka hidera ny anaranao lehibe sy mahatahotra ireo; Fa masìna Jehovah. **4** Ny herin' ny mpanjaka dia tia rariny; Ampitoerinao ny fahitsiana; Fitsarana sy fahamarinana no ataonao eo amin' i Jakoba. **5** Manandrata an' i Jehovah Andriamanitsika ianareo, Ka miankohofa eo amin' ny fitoeran-tongony; Fa masìna Izy. **6** Mosesy sy Arona tamin' ny mpisorony, Ary Samoela tamin' izay mpiantso ny anarany, Niantso an' i Jehovah ireo, ary namaly: azy Izy. **7** Niteny taminy tao anatin' ny andri-rahona Izy; Nitandrina ny tenivavolombelony izy ireo, Dia ny didy izay efa nomeny azy. **8** Jehovah Andriamanitray ô, Hianao no namaly ny nataony; Andriamanitra, Mpamela ny helony, Hianao, Na dia namaly azy noho ny nataony aza. **9** Asandrato Jehovah Andriamanitsika, Ary miankohofa eo an-tendrombohiny masìna; Fa masìna Jehovah Andriamanitsika.

100 Salamo ho fiderana. **2** Manompoa an' i Jehovah amin' ny fifaliana; Mankanesa eo anatrehany amin' ny fihobiana. **3** Aoka ho fantatrareo fa Jehovah no Andriamanitra; Izy no nanao antsika, ary Azy isika, Dia olony sy ondry fiandriny. **4** Midìra eo amin' ny vavahadiny amin' ny fisaorana, Ary eo an-kianjany amin' ny fiderana; Misaora Azy, mankalazà ny anarany, **5** Fa tsara Jehovah; Mandrakizay ny famindram-pony, Ary mihatra amin' ny taranaka fara mandimby ny fahamarinany.

101 Salamo nataon' i Davida. **2** Hitandrina ny lalana marina aho; Rahoviana no ho tonga atỳ amiko Hianao? Handeha amin' ny fahitsian' ny foko ao anatin' ny tranoko aho. **3** Tsy hampitoetra zava-dratsy eo anoloan' ny masoko aho; Halako ny mivadika, Tsy hikambana amiko izany. **4** Ny fo maditra hiala amiko; Tsy hankasitraka iza ratsy aho, **5** Izay manendrikendrika ny namany mangingina dia hofongorako; Tsy tohako izay miandranandrana sy miavonavona am-po; **6** Ny masoko hijery izay olo-mahatoky amin' ny tany mba hitoerany ato amiko; Izay mandeha amin' ny lalana marina no hanompo ahy. **7** Tsy mba hitoetra ao anatin' ny tranoko izay manao fitaka; Tsy mba hijanona eo anoloan' ny masoko izay milaza lainga. **8** Haringako isa-maraina ny ratsy fanahy rehetra amin' ny tany, Mba hofongorako ny mpanao ratsy rehetra tsy ho ao an-tanànan' i Jehovah.

102 Fivavaky ny ory, raha reraka izy ka mandoatra ny alahelony eo anatrehan' i Jehovah. Jehovah ô, henoy ny fivavako, Ary aoka hankeo aminao ny fitarainako. **2** Aza manafina ny tavanao amiko amin' ny andro fahoriako; Atongilano amiko ny sofinao; Amin' ny andro itarainako dia faingàna hamaly ahy. **3** Fa levon-ko setroka ny androko Ary ny taolako mahamay tahaka ny forohana. **4** Taninina tahaka ny ahitra ny foko ka malazo; Fa hadinoko na dia ny fihinanan-kanina aza. **5** Noho ny fisentoan' ny foko Ny taolako miraikitra amin' ny hoditro. **6** Tahaka ny sama any an-efitra aho, Ary tahaka ny vorondolo any an-tanànaolo. **7** Tsy mahita tory aho Sady tahaka ny tsikirity irery eo antampontrano. **8** Mandatsa ahy mandrakariva ny fahavaloko. Izay misafoaka amiko dia manao ahy ho fiozonana. **9** Fa lavenona no nohaniko tahaka ny mofo; Ary ny zavatra nosotroiko noharoharoiko ny ranomasoko, **10** Noho ny fahaviniranao sy ny fahatezeranao; Fa naingainao aho, kanefa natontanao indray. **11** Ny androko dia tahaka ny aloka efa mandroso; Ary efa malazo tahaka ny ahitra aho. **12** Nefa Hianao, Jehovah ô, mipetraka manjaka mandrakizay; Ary ny fahatsiarovana Anao mihatra amin' ny taranaka fara mandimby. **13** Hianao hitsangana ka hamindra fo amin' i Ziona; Fa efa andro hamindrampo aminy izao; Eny, tonga ny fotoana. **14** Fa sitraky ny mpanomponao ny vatony, Sady malahelo ny vovo-taniny izy. **15** Hatahotra ny anaran' i Jehovah ny jentilisa, Ary ny mpanjaka rehetra amin' ny tany hatahotra ny voninahitrao; **16** Fa Jehovah nanangana an' i Ziona; Niseho tamin' ny voninahiny Izy; **17** Nijery ny fivavaky ny mahantra Izy Ka tsy nanevateva ny fivavany. **18** Hosoratana ho an' ny taranaka mandimby izany; Ary izay firenena mbola hoforonina no hidera an' i Jehovah; **19** Fa Izy nitazana tany amin' ny fitoerany masìna any amin' ny avo. Tany an-danitra no nitsinjovan' i Jehovah ny tany, **20** Mba hihaino ny fisentoan' ny mpifatotra Sy hanafaka izay voatendry ho faty, **21** Mba hotorina any Ziona ny anaran' i Jehovah, Ary ny fiderana Azy any Jerosalema, **22** Rehefa tafangona ny firenena Sy ny fanjakana maro hanompo an' i Jehovah. **23** Efa nahaketraka ny heriko tany an-dalana Izy; Efa nahafohy ny androko Izy; **24** Hoy izaho: Andriamanitro ô; aza maka ahy an-tenatenan' ny androko; Ny taonanao mihatra amin' ny taranaka fara mandimby. **25** Tany aloha no nanorenanao ny tany; Ary asan' ny tananao ny lanitra. **26** Ireo dia ho levona, fa Hianao no maharitra; Izy rehetra ho rovitra toy ny fitafiana; Toy ny lamba no hanovanao azy, ka hovana izy; **27** Fa Hianao no tsy miova, Ary ny taonanao no tsy ho tapitra. **28** Ny zanaky ny mpanomponao handry fahizay, Ary ny taranany hampitoerina eo anatrehanao.

103 Nataon' i Davida. **2** Misaora an' i Jehovah, ry fanahiko; Ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, **3** Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra, **4** Izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, Izay manarona famindram-po sy fiantrana anao, **5** Izay mahavoky soa ny vavanao; Ny fahatanoranao mody indray toy ny an' ny voromahery. **6** Jehovah manao fahamarinana Sy fitsarana amin' izay rehetra ampahorina. **7** Efa nampahafantatra an' i Mosesy ny lalan-kalehany Izy; Ny Zanak' Isiraely nampahafantariny ny asany. **8** Mamindra fo sy miantra Jehovah, Mahari-po sady be famindram-po. **9** Tsy mandaha-teny mandrakariva Izy, Na mitahiry fahatezerana mandrakizay. **10** Tsy mba manao amintsika araka ny fahotantsika Izy, Na mamaly antsika araka ny helotsika. **11** Fa tahaka ny hahavon' ny lanitra ambonin' ny tany No haben' ny famindram-pony amin' izay matahotra Azy. **12** Tahaka ny halavitry ny atsinanana amin' ny andrefana No halavitry ny anesorany ny fahotantsika amintsika. **13** Tahaka ny fiantràn' ny ray ny zanany No fiantran' i Jehovah izay matahotra Azy; **14** Fa Izy mahalala ny toetsika Ka mahatsiaro fa vovoka isika. **15** Tahaka ny ahitra ny andron' ny zanak' olombelona; Tahaka ny voninjavatra any an-tsaha ny famoniny, **16** Satria tsofin' ny rivotra izy ka lasa, Ary tsy mahalala azy intsony ny fitoerany. **17** Fa ny famindram-pon' i Jehovah dia hatramin' ny taloha indrindra ka ho mandrakizay amin' izay matahotra Azy Ary ny fahamarinany mihatra amin' ny taranaka. **18** Dia amin' izay mitandrina ny fanekeny Sy mahatsiaro hankatò ny didiny. **19** Jehovah efa nampitoetra ny seza fiandrianany any an-danitra; Ary ny fanjakany manapaka izao tontolo izao. **20** Misaora an' i Jehovah, ianareo anjeliny, Dia ianareo izay mahery indrindra sady mankatò ny didiny Ary mihaino ny feon' ny teniny. **21** Misaora an' i Jehovah, ny miaramilany rehetra, Dia ny mpanompony izay manao ny sitrapony. **22** Misaora an' i Jehovah, ny asany rehetra eran' ny fanjakany; Misaora an' i Jehovah, ry fanahiko.

104 Misaora an' i Jehovah, ry fanahiko. Jehovah Andriamanitro ô, Iehibe indrindra Hianao, Famirapiratana sy voninahitra no fitafinao, **2** Mitafy ny mazava tahaka ny lamba Izy Ary mamelatra ny lanitra tahaka ny lay, **3** Ary mametraka ny rairain-drihan' ny tranony amin' ny rano, Sady manao ny rahona matevina ho kalesiny ka mandeha amin' ny elatry ny rivotra, **4** Ary manao ny rivotra ho irany Sy ny lelafo ho mpanompony. **5** Nanorina ny tany tambonin' ny fanorenany Izy, Mba tsy hihetsehany mandrakizay doria. **6** Ny rano lalina no nasaronao azy tahaka ny lamba; Nandifotra ny tendrombohitra aza ireny. **7** Noho ny teny mafy nataonao dia nandositra ny tendrombohitra, Noho ny feon' ny kotrokoranao dia nirifatra izy **8** Nisondrotra ny tendrombohitra, nietry ny lohasaha ho any amin' izay namboarinao hitoerany. **9** Efa nasianao fetra tsy hihoarany izy Mba tsy hiverina hanarona ny tany. **10** Mampandeha loharano eny amin' ny lohasaha Izy; Eny anelanelan' ny tendrombohitra no alehan' ireny, **11** Ka isotroan' ny bibi-dia rehetra, Sy analan' ny boriki-dia ny hetahetany; **12** Eo amboniny no itoeran' ny voro-manidina; Ary eo amin' ny ran-tsan-kazo no anenoany. **13** Manondradrano ny tendrombohitra avy amin' ny tranony ambony Izy; Ny vokatry ny asanao no mahavoky ny tany. **14** Mampaniry ahitra ho an' ny biby fiompy Izy Sy anana hahasoa ny olona. Ary mamoaka hanina avy amin' ny tany. **15** Ary divay izay mampifaly ny olona, ka mampinendonendo ny tavany mihoatra noho ny diloilo, Ary mofo hanohanana ny ain' ny olona. **16** Voky ny hazon' i Jehovah, Dia ny sederan' i Libanona, izay namboleny; **17** Izay anaovan' ny voron-kely ny akaniny; Ary ny vano, dia ao amin' ny kypreso no anaovany ny tranony. **18** Ny tendrombohitra avo dia ho an' ny osi-dia; Ny harambato no fiarovana ho an' ny hyraka. **19** Nanao ny volana ho fotoana Izy, Ary ny masoandro mahalala ny filentehany. **20** Mahatonga aizina Hianao, dia tonga ny alina, Ka mivezivezy ny biby rehetra any an' ala; **21** Ny liona tanora mierona maniry toha Ka mitady ny haniny avy amin' Andriamanitra. **22** Miposaka ny masoandro, dia miverina ireny, Ary ao an-davany no amitsahany. **23** Fa ny olona kosa mivoaka ho any amin' ny taozavany, Sy ny asany mandra-paharivan' ny andro. **24** Endrey ny hamaroan' ny asanao, Jehovah ô! Fahendrena no nanaovanao azy rehetra; Henika ny zavatra nataonao ny tany. **25** Indro ny ranomasina sady lehibe no malalaka, Any no misy zava-mihetsiketsika tsy tambo isaina, Dia zava-miaina, na kely na lehibe. **26** Any no alehan' ny sambo Sy ny trozona, izay nofororoninao hilaolao any. **27** Ireo rehetra ireo miandry Anao, Mba homenao ny haniny amin' ny fotoany. **28** Manome Hianao, dia manangona izy; Manokatra ny tananao Hianao, dia voky ny soa izy; **29** Manafina ny tavanao Hianao, dia raiki-tahotra izy; Alainao indray ny ainy, dia maty izy Ka mody any amin' ny vovoka nanalana azy, **30** Maniraka ny Fanahinao Hianao, dia ary izy, Ary manavao ny tarehin' ny tany Hianao. **31** Ho mandrakizay anie ny voninahitr' i Jehovah; Aoka Jehovah hifaly amin' ny asany. **32** Jereny ny tany, dia mihorohoro; Tendren' ny tànany ny tendrombohitra, dia midonaka. **33** Hihira ho an' i Jehovah aho, raha mbola velona koa; Hankalaza an' Andriamanitro aho, raha mbola miaina. **34** Ho maminy anie ny fisainako Azy; Izaho no hifaly amin' i Jehovah. **35** Ho lany ringana tsy ho etỳ amin' ny tany ny mpanota, Ary ny ratsy fanahy tsy ho etỳ intsony. Misaora an' i Jehovah, ry fanahiko. Haleloia.

105 Miderà an' i Jehovah, miantsoa ny anarany; Ataovy fantatra any amin' ny firenena ny asany. **2** Mihirà ho Azy, mankalazà Azy; Saintsaino ny fahagagana rehetra ataony. **3** Ataovy ho reharehanareo ny anarany masìna; Aoka hifaly ny fon' izay mitady an' i Jehovah. **4** Mitadiava an' i Jehovah sy ny heriny Katsaho mandrakariva ny tavany. **5** Tsarovy ny asa mahagaga natao-ny Dia ny fahagagany sy ny fitsaran' ny vavany, **6** Ry taranak' i Abrahama mpanompony, Dia ianareo olom-boafidiny, taranak' i Jakoba. **7** Jehovah, Izy no Andriamanitsika; Manerana ny tany rehetra ny fitsarany. **8** Mahatsiaro ny fanekeny mandrakizay Izy, Dia ilay teny izay voadidiny ho an' ny taranaka arivo mandimby, **9** Eny, ilay nataony tamin' i Abrahama, Sy ny fianianany tamin' Isaka; **10** Izay naoriny ho lalana ho an' i

Jakoba, Sy ho fanekena mandrakizay ho an' Isiraely, **11** Ka nataony hoe: Homeko anao ny tany Kanana, Ho lovanareo voazara amin' ny famolaina, **12** Fony mbola olom-bitsy izy, Eny, vitsy sady vahiny tao, **13** Ary nifindrafindra tany amin' ny firenena, Sy nifindrafindra fanjakana ho amin' ny firenen-kafa, **14** Tsy nisy navelany hampahory azy, Ary nananatra mpanjaka Izy noho ny amin' ireo hoe: **15** Aza manendry ireo voahosotro, Ary aza manisy ratsy ireo mpaminaniko. **16** Dia niantso ny mosary ho amin' ny tany Izy; Notapahiny avokoa ny mofo rehetra, izay tohan' aina; **17** Naniraka lehilahy hialoha azy Izy; Josefa namidy ho andevo; **18** Nampijaliny tamin' ny fatorana ny tongony; Nogadrany vy izy. **19** Mandra-pahatongan' ny fotoana hahatanterahan' ny teniny; Nizaha toetra azy ny tenin' i Jehovah. **20** Naniraka ny mpanjaka hamaha azy, Eny, ny mpanapaka ny vahoaka, mba handefa azy. **21** Nanao azy ho tompon' ny tranony izy Sy ho mpanapaka ny fananany rehetra, **22** Mba hamatotra ny mpanapaka araka ny sitrapony, Sy hampianatra fahendrena ny loholony. **23** Ary Isiraely nankany Egypta; Eny, Jakoba nivahiny tany amin' ny tanin' i Hama. **24** Dia nahamaro ny taranaky ny olony ho be indrindra Izy ka nampahery azy noho ny fahavalony. **25** Nampiova ny fon' ireny hankahala ny olony Izy Sy hihendry ny mpanompony. **26** Naniraka an' i Mosesy mpanompony Sy Arona izay nofidiny Izy. **27** Ary izy ireo nanao ny famantarany teo aminy Sy fahagagana tany amin' ny tanin' i Hama. **28** Nahatonga aizina Izy ka nahamaizina; Ary tsy nandà ny teniny izy ireo. **29** Nahatonga ny ranony ho rà Izy Ka nahafaty ny hazandranony. **30** Nisy sahona betsaka ny taniny, Eny, na dia hatrao an-trano fandrian' ny mpanjakany aza. **31** Niteny Izy, dia tonga ny lalitra betsaka Sy ny moka teny amin' ny faritaniny rehetra. **32** Nahatonga havandra ho solon' ny ranonorana Izy Sy afo midedadeda teny amin' ny taniny. **33** Namely ny voalobony sy ny aviaviny Izy Ka nanapatapaka ny hazo teo amin' ny taniny. **34** Niteny Izy, dia tonga ny valala Sy ny sompanga tsy hita isa; **35** Dia nihinana ny zava-maitso rehetra teny amin' ny taniny ireny Ka nandany ny vokatry ny taniny. **36** Ary namely ny lahimatoa rehetra tany amin' ny taniny Izy, Dia ny voalohan' ainy rehetra. **37** Ary dia nitondra ny olony nivoaka Izy sady nampahazo azy volafotsy sy volamena; Ary tsy nisy nangozohozo na dia iray akory aza tamin' ny fireneny. **38** Faly Egypta tamin' ny nahalasanany; Fa efa nahazo azy ny fahatahorana ireo. **39** Namelatra rahona ho fialokalofana Izy Ary afo ho fanazavana nony alina. **40** Nangataka izy ireo, dia nahatonga papelika Izy, Ary mofon-danitra no namokisany azy. **41** Nanokatra ny vatolampy Izy, dia nigororoana ny rano Ka nandriaka tamin' ny tany maina ho renirano. **42** Fa nahatsiaro ny teniny masìna Sy Abrahama mpanompony Izy, **43** Dia nitondra ny olony nivoaka tamin' ny fifaliana Izy Ary ny voafidiny tamin' ny fihobiana; **44** Ka dia nanome azy ny tanin' ny jentilisa Izy; Ary nandova ny vitan' ny firenena maro ireny, **45** Mba hitandremany ny didiny, Sy hankatoavany ny lalàny. Haleloia.

106 Haleloia. Miderà an' i Jehovah, fa tsara Izy, Fa mandrakizay ny famindram-pony. **2** Iza no mahalaza ny asa lehibe ataon' i Jehovah, Na mahatonona ny fiderana Azy rehetra? **3** Sambatra izay mitandrina ny mety Ka manao ny marina mandrakariva. **4** Jehovah ô, tsarovy aho araka ny fankasitrahanao ny olonao; Vangio amin' ny famonjenao aho, **5** Hahitako ny soa azon' ny voafidinao, Hifaliako amin' ny fifalian' ny firenenao, Hiravoravoako miaraka amin' ny lovanao. **6** Efa nanota izahay mbamin' ny razanay, Efa nanao izay meloka sy ratsy izahay. **7** Ny razanay tany Egypta tsy mba nandinika ny fahagagana nataonao; Tsy mba nahatsiaro ny habetsahan' ny famindram-ponao ireny, Fa niodina teo amoron-dranomasina, Dia teo amoron' ny Ranomasina Mena **8** Kanefa namonjy azy ihany Izy noho ny anarany, Mba hampahafantarany ny asany lehibe. **9** Dia noteneniny mafy ny Ranomasina Mena, ka tonga maina iny; Ary nitondra azy nita ny rano lalina tahaka ny efitra Izy, **10** Namonjy azy tamin' ny tanan' ny mpandrafy Izy Ary nanavotra azy tamin' ny tanan' ny fahavalo. **11** Dia nosaronan' ny rano kosa ny rafiny. Ka tsy nisy niangana na dia iray akory aza. **12** Dia nino ny teniny izy Ka nihira ny fiderana Azy. **13** Nalaky nanadino ny asany izy ka tsy niandry ny saina hatolony, **14** Fa fatra-pila izy tany an-efitra, Sady naka fanahy an' Andriamanitra tany an-tany foana. **15** Dia nomeny azy izay nilainy, Kanefa nampahahiaziny kosa izy. **16** Dia nialona an' i Mosesy tany an-toby Izy ireo Sady nialona an' i Arona, olo-masin' i Jehovah. **17** Nisokatra ny tany, dia nitelina an' i Datana Ka nanarona ny antokon' i Abìrama. **18** Dia nisy afo nirehitra tamin' ny antokony; Lelafo no nandoro ny ratsy fanahy. **19** Nanao ombilahy kely tany Horeba izy Ka niankohoka teo anoloan' ny sarin-javatra an-idina. **20** Ary ny voninahiny dia natakalony Sarin' ny omby homana ahitra. **21** Nohadinoiny Andriamanitra, Mpamonjy azy, Izay efa nanao zava-dehibe tany Egypta, **22** Dia fahagagana tany amin' ny tanin' i Hama sy zava-mahatahotra teo amin' ny Ranomasina Mena. **23** Ary nikasa handringana azy Izy, Raha tsy Mosesy voafidiny no nandroso hijoro tamin' ny banga teo anatrehany hampiala ny fahatezerany mba tsy handringanany azy. **24** Ary nanamavo ny tany mahafinaritra ireo Sady tsy mba nino ny teniny, **25** Fa nimonomonona tany an-dainy Ka tsy nihaino ny feon' i Jehovah. **26** Dia nanandratra ny tànany taminy Izy, Fa hampiampatrampatra azy any an-efitra **27** Ary ny taranany kosa any amin' ny jentilisa, Ary hampihahakahaka azy any amin' ny tany maro Izy. **28** Nikambana tamin' i Bala-peora ireo ka nihinana ny fanatitra ho an' ny maty, **29** Dia nampahatezitra an' i Jehovah tamin' ny nataony, Ka dia namely azy tampoka ny areti-mandringana. **30** Fa nitsangana nandroso Finehasa ka nanao fitsarana; Dia nitsahatra ny areti-mandringana. **31** Ary nisaina ho fahamarinany izany Hatramin' ny taranaka fara mandimby mandrakizay. **32** Nampahatezitra an' i Jehovah teo anilan' ny ranon' i Meriba ireo, Ka nisy nanjo an' i Mosesy noho ny nataon' ireo; **33** Fa niodina tamin' ny Fanahin' i Jehovah ireo, ka dia nihoa-bava Mosesy. **34** Tsy naringany ny firenena Izay nasain' i Jehovah naringany; **35** Fa nifangaro tamin' ny jentilisa izy Ka nianatra ny fanaony,

36 Dia nanompo ny sampiny izy, Ka dia nody fandrika ho azy izany. **37** Namono ny zananilahy sy ny zananivavy ho fanatitra ho an' ny demonia ireo; **38** Eny, nandatsaka rà marina izy, Dia ny ran' ny zananilahy sy ny zananivavy, Izay novonoiny ho fanatitra ho an' ny sampin' i Kanana; Ka dia nametaveta ny tany tamin' ny rà izy. **39** Ary naloto tamin' ny asany izy Ary nahatonga azy ho mijangajanga ny nataony. **40** Dia nirehitra tamin' ny olony ny fahatezeran' i Jehovah, Ka nataony ho zava-betaveta ny lovany. **41** Dia nanolotra azy teo an-tànan' ny jentilisa Izy, Ka izay nankahala azy no nanapaka azy. **42** Ary nampahory azy ny fahavalony, Ka naetry tambanin' ny tànany izy. **43** Matetika Izy no nahafaka azy; Fa ireo kosa niodina taminy ihany araka ny fisainany Ka nihalevona noho ny helony. **44** Kanefa nijery ny fahoriany ihany Izy. Raha nandre ny fitarainany; **45** Dia nahatsiaro ny fanekeny Izy Ka nanenina araka ny haben' ny famindram-pony. **46** Dia nataony nahita famindram-po ireny Tamin' izay rehetra namabo azy. **47** Vonjeo izahay, ry Jehovah Andriamanitray ô, Ka angòny avy amin' ny jentilisa, Mba hisaoranay ny anaranao masìna Sy hifalianay amin' ny fiderana Anao. **48** Isaorana anie Jehovah Andriamanitry ny Isiraely, hatramin' ny taloha indrindra ka mandrakizay; Ary aoka ny olona rehetra hanao hoe: Amena! Haleloia.

107 Miderà an' i Jehovah, fa tsara Fa mandrakizay ny famindram-pony. **2** Aoka hanao izany ny navotan' i Jehovah, Dia izay navotany ho afaka tamin' ny tanan' ny fahavalo, **3** Sy nangoniny avy tany amin' ny tany maro, Dia avy tany atsinanana sy andrefana ary tany avaratra sy tany amin' ny ranomasina. **4** Nirenireny tany an-efitra ireny ka nanavatsava tany an-tany foana, Ary tsy nahita tanàna honenana. **5** Noana sy nangetaheta izy, Sady reraka ny ainy tao anatiny, **6** Dia nitaraina tamin' i Jehovah ireo, raha ory, Ka novonjeny tamin' ny fahatereny; **7** Dia nitondra azy tamin' ny lalana mahitsy Izy, Mba hankanesany any amin' izay tanàna honenana. **8** Aoka hidera an' i Jehovah ireo noho ny famindram-pony Sy ny fahagagana ataony amin' ny zanak' olombelona! **9** Fa mahafa-po ny fanahy mangetaheta Izy, Ary ny fanahy noana dia vokisany soa. **10** Izay nipetraka tao amin' ny maizina sy ny aloky ny fahafatesana, Voafato-pahoriana sy vy, **11** Satria nandà ny tenin' Andriamanitra Sady naniratsira ny anatry ny Avo Indrindra; **12** Dia nampietreny tamin' ny fahoriana ny fony; Ka potraka izy, nefa tsy nisy hamonjy; **13** Dia nitaraina tamin' i Jehovah ireo, raha ory, Ka novonjeny tamin' ny fahatereny. **14** Nitondra azy nivoaka avy tao amin' ny maizina sy ny aloky ny fahafatesana Izy, Ary notosany ny fatorany. **15** Aoka hidera an' i Jehovah ireo noho ny famindram-pony Sy ny fahagagana ataony amin' ny zanak' olombelona! **16** Fa nanorotoro ny varavarana varahina Izy, Ary ny hidy vy nohenteriny. **17** Mitondra fahoriana ny adala noho ny fahadisoany sy ny helony: **18** Nahamonamonaina azy ny hanina rehetra; Ary nanakaiky ny vavahadin' ny fahafatesana izy. **19** Dia nitaraina tamin' i Jehovah ireo, raha ory, Ka novonjeny tamin' ny fahatereny. **20** Nandefa ny teniny Izy mba hahasitrana azy Ary nanafaka azy tamin' ny longoa nianjerany. **21** Aoka hidera an' i Jehovah ireo noho ny famindram-pony Sy ny fahagagana ataony amin' ny zanak' olombelona! **22** Ary aoka hanatitra fanatipisaorana izy Sy hilaza ny asany amin' ny fihobiana. **23** Izay midìna any an-dranomasina ka mandeha an-tsambo Sy manao raharaha any amin' ny rano lehibe **24** No mahita ny asan' i Jehovah Sy ny fahagagana ataony amin' ny rano lalina. **25** Fa niteny Izy ka nanangana rivotra mahery, Izay nampisondrotra ny onjan-drano; **26** Niakatra hatramin' ny lanitra ny olona, ary nidina hatramin' ny lalina; Ny fanahiny levona noho ny fahoriana. **27** Nisangodingodina ireo sady nivembena toy ny mamo, Ka dia very ny sainy rehetra. **28** Dia nitaraina tamin' i Jehovah ireo, raha ory, Ka nampiala azy tamin' ny fahatereny Izy. **29** Nanony ny rivotra mahery Izy, Ka nitsahatra ny onjan-drano. **30** Dia faly ireo, satria nitsahatra izany; Ary nentiny ho amin' ny fitodiana niriny izy. **31** Aoka hidera an' i Jehovah ireo noho ny famindram-pony Sy ny fahagagana ataony amin' ny zanak' olombelona! **32** Ary aoka hanandratra Azy eo amin' ny fiangonan' ny olona izy Ka hidera Azy eo amin' ny fipetrahan' ny loholona. **33** Mampody ny ony ho efitra Izy Ary ny loharano ho tany mangentana, **34** Ny tany mahavokatra ho tanin-tsira, Noho ny faharatsian' ny mponina eo. **35** Mampody ny efitra ho rano monina Izy Sy ny tany maina ho loharano, **36** Ary amponeniny eo izay noana, Mba hanamboatra tanana honenana; **37** Ary hamafy eny an-tsaha izy Sady hanao tanim-boaloboka Ka hahazo vokatra be. **38** Dia mitahy azy Izy mba hitomboany betsaka, Ka tsy avelany hihavitsy ny biby fiompiny. **39** Fa mihakely sy mietry indray izy Noho ny fampahoriana sy ny loza ary ny alahelo. **40** Mampidina fanamavoana amin' ny mpanapaka Jehovah Ka mampirenireny azy any an-efitra tsy misy lalana; **41** Fa manandratra ny malahelo ho afa-pahoriana kosa Izy, Ka mahamaro mianakavy azy toy ny ondry andiany. **42** Hahita izany ny marina ka ho faly; Fa hihombom-bava kosa ny ratsy fanahy rehetra. **43** Izay hendry dia aoka hahafantatra izany Ka hahalala ny famindram-pon' i Jehovah.

108 Tonon-kira. Salamo nataon' i Davida. Andriamanitra ô, tafatoetra ny foko; Ny fanahiko no hihira sy hankalaza. **2** Mifohaza, ry valiha sy lokanga; hifoha maraina koa aho. **3** Hidera Anao eny amin' ny firenena maro aho, Jehovah ô, Ary hankalaza Anao eny amin' ny jentilisa. **4** Fa lehibe mihoatra ny lanitra ny famindram-ponao; Ary mipaka eny amin' ny rahona ny fahamarinanao. **5** Misandrata any ambonin' ny lanitra Hianao, Andriamanitra ô; Ary aoka ho etỳ ambonin' ny tany rehetra ny voninahitrao. **6** Mba hahafaka ny malalanao, Dia vonjeo amin' ny tananao ankavanana aho, ka valio. **7** Andriamanitra niteny tamin' ny fahamasinany hoe: Hifaly Aho ka hizara an' i Sekema, Ary ny lohasahan' i Sokota horefesiko; **8** Ahy Gileada, Ahy Manase; Ary aron' ny lohako Efraima; Tehimpanjakako Joda; **9** Tavindranoko fanasana Moaba; Edoma no hanipazako ny kapako; noho ny amin' i Filistia ho hihobiako. **10** Iza no hitondra ahy ho any an-tanàna mafy? Iza no hitarika ahy ho any Edoma? **11** Tsy Hianao va no efa nanary anay, Andriamanitra ô, Sady tsy mivoaka miaraka amin' ny miaramilanay, Andriamanitra ô? **12** Vonjeo amin'

ny fahavalo izahay; Fa zava-poana ny famonjena ataon' ny olona. **13** Andriamanitra no haharezan-tsika; Fa Izy no hanitsakitsaka ny fahavalontsika.

109 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. **2** Fa nisoka-bava ny ratsy fanahy sy ny mpamitaka hamely ahy; Niteny ahy tamin' ny lela mandainga izy. **3** Teny fankahalana no nanodidinany ahy; Ary niady tamiko tsy ahoan-tsy ahoana izy. **4** Ny fitiavako dia valiany fandrafiana; Fa izaho kosa dia mivavaka. **5** Ny soa nataoko novaliany ratsy, Ary ny fitiavako novaliany fankahalana. **6** Anendreo olona ratsy fanahy hanapaka azy; Ary aoka hisy mpanohitra hitsangana eo an-kavanany. **7** Raha hotsaraina izy, dia aoka ho meloka, Ary aoka ny fivavahany ho tonga fahotana. **8** Aoka ho vitsy ny androny; Ary aoka ho lasan' olon-kafa ny anjara raharahany. **9** Aoka ho kamboty ny zanany; Ary aoka ho mpitondratena ny vadiny **10** Aoka hirenireny mangataka ny zanany, Ary aoka hiremby lavitra ny tranony efa rava izy. **11** Aoka ny mpampanàna vola hamandrika izay rehetra ananany; Ary aoka ny olon-kafa hifaoka ny vokatry ny asany. **12** Aoka tsy hisy haharitra hamindra fo aminy, Na hiantra ny zanany kamboty. **13** Aoka ho fongora ny taranany; Ary aoka hovonoina amin' ny taranaka mandimby ny anarany. **14** Aoka hotsarovan' i Jehovah ny helo-drainy; Ary aoka tsy hovonoina ny helo-dreniny. **15** Aoka ho eo anatrehan' i Jehovah mandrakariva izany, Ary hofoanany tsy ho eo ambonin' ny tany anie ny fahatsiarovana azy. **16** Satria tsy mba nahatsiaro hamindra fo izy, Fa nanenjika ny ory sy ny malahelo Ary ny reraka am-po mba hahafaty azy; **17** Tia ozona izy, ka nanody azy izany; Tsy tia indrafo izy, ka nanalavitra azy izany. **18** Nitafy ozona tahaka ny lambany izy, Ka niditra tao an-kibony tahaka ny rano izany, Ary tao amin' ny taolany tahaka ny diloilo; **19** Dia aoka ho tahaka ny lamba itafiany izany, Ary ho fisikinana isikinany mandrakariva. **20** Izany no famaliana avy amin' i Jehovah ho an' ny mpanohitra ahy, Dia izay manendrikendrika ahy. **21** Fa Hianao, Jehovah Tompo ô, miasà ho ahy noho ny anaranao; Vonjeo aho, fa tsara ny famindram-ponao. **22** Fa mahantra sy malahelo aho, Ary ny foko dia voatsindrona ato anatiko. **23** Lasa tahaka ny aloka mihelina aho; Roahina tahaka ny valala aho. **24** Efa malemy ny lohaliko noho ny fifadian-kanina; Ary efa mihena ny hatavin' ny nofoko. **25** Ary izaho dia tonga fandatsan' ireny; Mijery ahy izy ka mihifikifi-doha. **26** Ampio aho Jehovah Andriamanitro ô; Vonjeo araka ny famindram-ponao aho; **27** Ary aoka ho fantany fa tananao izany; Hianao, Jehovah ô, no nanao izany. **28** Manozona izy ireo, fa Hianao kosa mitahy; Mitsanga-menatra izy, fa mifaly kosa ny mpanomponao. **29** Mitafy henatra ny fahavaloko Ka misaron-kenatra tahaka ny lamba. **30** Hidera an' i Jehovah indrindra amin' ny vavako aho; Eny, eo amin' ny olona maro no hiderako Azy. **31** Fa mitsangana eo ankavanan' ny malahelo Izy Mba hamonjy azy amin' izay manameloka ny fanahiny.

110 Salamo nataon' i Davida. **2** Ny tehin' ny herinao Havoak' i Jehovah avy ao Ziona; Manapaha eo amin' ny fahavalonao Hianao. **3** Ny olonao dia mazoto manolo-tena amin' ny andro anafihanao; Amin' ny fihaingoana masìna, tahaka ny ando ateraky ny maraina ho Anao ny zatovonao. **4** Efa nianiana Jehovah ka tsy hanenina: Hianao no Mpisorona mandrakizay Araka ny fanaon' i Melkizedeka. **5** Ny Tompo eo an-kavananao Dia handripaka ny mpanjaka maro amin' ny andron' ny fahatezerany **6** Hitsara any amin' ny jentilisa Izy ka hampiampatrampatra faty any; Handripaka loholona any amin' ny tany malalaka Izy. **7** Hisotro amin' ny ony any an-dalana Izy, Ka izany no hitrakan' ny lohany.

111 Haleloia. Hidera an' i Jehovah amin' ny foko rehetra aho, Eo amin' ny fivorian' ny marina sy ny fiangonan-dehibe. **2** Lehibe ny asan' i Jehovah, Ka dinihin' izay rehetra mankasitraka azy. **3** Madera sady malaza ny asany; Ary ny fahamarinany maharitra mandrakizay. **4** Manao izay hahatsiarovana ny fahagagana ataony Izy; Miantra sy mamindra fo Jehovah. **5** Nomeny hanina izay matahotra Azy; Tsarovany mandrakizay ny fanekeny. **6** Ny herin' ny asany nasehony tamin' ny olony. Tamin' ny nanomezany azy ny lovan' ny jentilisa. **7** Ny asan' ny tànany dia fahamarinana sy fitsarana; Mahatoky avokoa ny didiny rehetra; **8** Mitoetra mafy mandrakizay doria ireny, Fa natao tamin' ny fahamarinana sy ny fahitsiana. **9** Manatitra fanavotana ho an' ny olony Izy; Efa nanorina ny fanekeny ho mandrakizay Izy; Masìna sy mahatahotra ny anarany. **10** Ny fahatahorana an' i Jehovah no fiandoham-pahendrena; Fahalalana tsara no ananan' izay rehetra mankatò izany; Maharitra mandrakizay ny fiderana Azy.

112 Haleloia. Sambatra ny olona izay matahotra an' i Jehovah Sady mankasitraka ny didiny indrindra. **2** Hahery ambonin' ny tany ny zanany; Hotahina ny taranaky ny marina. **3** Fananana sy harena no ao an-tranony; Ary ny fahamarinany haharitra mandrakizay. **4** Ao amin' ny maizina no iposahan' ny mazava ho an' ny mahitsy; Mamindra fo sy miantra ary marina ireny. **5** Sambatra ny olona izay miantra ka mampisambotra; Tsy mba ho resy eo am-pitsarana izy. **6** Fa tsy hangozohozo mandrakizay izy; Hotsarovana mandrakizay ny marina. **7** Tsy mba manahinahy hahare loza izy; Tafatoetra matoky an' i Jehovah ny fony. **8** Voatohana ny fony, ka tsy hatahotra izy, Mandra-pifaliny mahita ny amin' ny mpandrafy azy. **9** Namafy izy, eny, nanome ho an' ny malahelo; Ny fahamarinany maharitra mandrakizay; Hisandratra amim-boninahitra ny tandrony. **10** Ny ratsy fanahy hahita ka ho sosotra; Hihidy vazana izy ka ho levona; Ho foana ny fanirian' ny ratsy fanahy.

113 Haleloia. Miderà, ianareo mpanompon' i Jehovah, Miderà ny anaran' i Jehovah. **2** Isaorana anie ny anaran' i Jehovah Hatramin' izao ka ho mandrakizay. **3** Hatramin' ny fiposahan' ny masoandro ka hatramin' ny filentehany No hoderaina anie ny anaran' i Jehovah. **4** Avo ambonin' ny jentilisa Jehovah; Ambonin' ny lanitra ny voninahiny. **5** Iza no tahaka an' i Jehovah Andriamanitsika, Izay mipetraka any amin' ny avo, **6** Nefa miondrika mijery Ny any an-danitra sy ny etỳ an-tany? **7** Manangana ny malahelo hiala amin' ny vovoka Izy Ary manandratra ny mahantra ho afaka eo amin' ny zezika, **8** Mba hametraka

azy ho naman' ny mpanapaka ny olony. **9** Mampitoetra tsara ny momba Izy, Fa mahatonga azy ho renin-jaza mifaly. Haleloia.

114 Fony nivoaka avy tany Egypta ny Isiraely, Dia ny taranak' i Jakoba avy tany amin' ny firenena hafa fiteny, **2** Joda no fitoerany masìna, Isiraely no fanjakany. **3** Ny ranomasina nahita ka nandositra; Ary niorika Jordana. **4** Ny tendrombohitra dia nifalihavanja tahaka ny ondrilahy, Ary ny havoana tahaka ny zanak' ondry. **5** Inona izato mahazo anao, ry ranomasina, no mandositra ianao? Ary ianao, ry Jordana, no miorika ianao? **6** Ary ianareo tendrombohitra, no mifalihavanja tahaka ny ondrilahy; Ary ianareo havoana, tahaka ny zanak' ondry? **7** Mihorohoroa eo anatrehan' ny Tompo, ry tany, Dia eo anatrehan' Andriamanitr' i Jakoba. **8** Izay mampody ny vatolampy ho rano monina Ary ny afovato ho loharano.

115 Jehovah ô, aza izahay, aza izahay no omena voninahitra, Fa ny anaranao ihany, Noho ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao. **2** Nahoana ny jentilisa no manao hoe: Aiza izay Andriamaniny? **3** Nefa any an-danitra Andriamanitsika; Efa nanao izay sitrapony rehetra Izy. **4** Volafotsy sy volamena ny sampin' ireny, Asan' ny tanan' olona: **5** Manam-bava izy, fa tsy miteny; Manamaso izy, fa tsy mahita; **6** Manan-tsofina izy, fa tsy mandre; Manana orona izy, fa tsy manimbolo: **7** Manan-tanana izy, fa tsy mandray; Manan-tongotra izy, fa tsy mandeha; Ary tsy mahaloa-peo ny tendany. **8** Ho tahaka azy izay manao azy Sy izay rehetra matoky azy. **9** Ry Isiraely ô, matokia an' i Jehovah; Heriny sy ampingany Izy. **10** Ry taranak' i Arona ô, matokia an' i Jehovah; Heriny sy ampingany Izy. **11** Hianareo izay matahotra an' i Jehovah, matokia an' i Jehovah; Heriny sy ampingany Izy. **12** Jehovah mahatsiaro ka mitahy antsika; Hitahy ny taranak' i Isiraely Izy; Hitahy ny taranak' i Arona Izy; **13** Hotahiny izay matahotra an' i Jehovah, Na ny kely na ny lehibe. **14** Jehovah anie hampitombo anareo, Dia ianareo mbamin' ny zanakareo. **15** Hitahy anareo anie Jehovah, Mpanao ny lanitra sy ny tany. **16** Ny lanitra dia an' i Jehovah: fa ny tany nomeny ho an' ny zanak' olombelona. **17** Ny maty tsy mba hidera an' i Jehovah. Na izay midìna any amin' ny mangingina; **18** Fa izahay hisaotra an' i Jehovah Hatramin' izao ka ho mandrakizay. Haleloia.

116 Izaho tia an' i Jehovah, satria efa nandre Ny feon' ny fifonako Izy. **2** Satria efa nanongilana ny sofiny tamiko Izy, Dia hiantso aho, raha mbola velona koa. **3** Nihodidina tamiko ny famatoran' ny fahafatesana, Ary nahazo ahy ny fahorian' ny fiainan-tsi-hita; Nahita fahoriana sy alahelo aho. **(Sheol h7585)** **4** Dia niantso ny anaran' i Jehovah hoe aho: Jehovah ô, mifona aminao aho, vonjeo ny fanahiko. **5** Mamindra fo sy marina Jehovah Eny, miantra Andriamanitsika. **6** Miaro ny kely saina Jehovah; Reraka aho, dia namonjy ahy Izy. **7** Miverena ho amin' ny fitsaharanao, ry fanahiko, Fa Jehovah efa nanisy soa anao, **8** Dia namonjy ny fanahiko tamin' ny fahafatesana Hianao Sy ny masoko tamin' ny ranomaso Ary ny tongotro tamin' ny fahatafintohinana. **9** Handeha eo anatrehan' i Jehovah Eo amin' ny tanin' ny velona aho. **10** Nino aho; hiteny tokoa aho; Mahantra indrindra aho. **11** Hoy izaho tamin' ny fahatairako; Mpandainga ny olona rehetra. **12** Inona no havaliko an' i Jehovah Noho ny soa rehetra nataony tamiko? **13** Handray ny kapoaky ny famonjena aho Ka hiantso ny anaran' i Jehovah. **14** Hanefa ny voadiko amin' i Jehovah aho. Eny, eo anatrehan' ny olony rehetra. **15** Zava-dehibe eo imason' i Jehovah Ny fahafatesan' ny olony masìna. **16** Indrisy! Jehovah ô, mpanomponao tokoa aho, Eny, mpanomponao sady zanaky ny ankizivavinao; Namaha ny fatorako Hianao. **17** Hianao no haterako fanatipisaorana, Ary ny anaran' i Jehovah no hantsoiko. **18** Hanefa ny voadiko amin' i Jehovah aho, Eny, eo anatrehan' ny olony rehetra, **19** Dia eo an-kianjan' ny tranon' i Jehovah, Eo afovoanao, ry Jerosalema ô. Haleloia.

117 Miderà an' i Jehovah ry firenena rehetra; Miderà Azy, ry olona rehetra. **2** Fa lehibe ny famindram-pony amintsika; Ary mandrakizay ny fahamarinan' i Jehovah. Haleloia.

118 Miderà an' i Jehovah, fa tsara Izy; Eny, mandrakizay ny famindram-pony. **2** Aoka ny Isiraely hanao hoe: Mandrakizay ny famindram-pony. **3** Aoka ny taranak' i Arona hanao hoe: Mandrakizay ny famindram-pony. **4** Aoka izay matahotra an' i Jehovah hanao hoe: Mandrakizay ny famindram-pony. **5** Tao an-katerena no niantsoako an' i Jehovah; Dia namaly ahy Jehovah ka nampahalalaka ahy. **6** Jehovah no miandany amiko, ka tsy hatahotra aho. Inona no azon' ny olona atao amiko? **7** Jehovah no miandany amiko, sady mamonjy ahy; Ary izaho ho faly hahita ny amin' izay mankahala ahy. **8** Tsara ny mialoka amin' i Jehovah Noho ny mialoka amin' ny olona. **9** Tsara ny matoky an' i Jehovah Noho ny matoky ny mpanapaka. **10** Ny firenena rehetra nanodidina ahy; Fa ny anaran' i Jehovah no handringanako azy tokoa; **11** Nitangorona tamiko ireny, eny, nitangorona tamiko; Fa ny anaran' i Jehovah no handringanako azy tokoa. **12** Nanodidina ahy tahaka ny renitantely izy; Voavono tahaka ny afon-tsilo izy; Fa ny anaran' i Jehovah no handringanako azy tokoa. **13** Nanosika ahy mafy hahalavo ahy ianao; Fa Jehovah no namonjy ahy. **14** Jehovah no heriko sy fiderako. Fa efa famonjena ahy Izy. **15** Ao an-dain' ny marina ny feo mihoby noho ny famonjena; Ny tanana ankavanan' i Jehovah mampiseho hery; **16** Ny tanana ankavanan' i Jehovah dia misandratra; Ny tanana ankavanan' i Jehovah mampiseho hery. **17** Tsy ho faty aho, fa ho velona Ka hitory ny asan' i Jehovah. **18** Nofaizan' i Jehovah mafy aho, Nefa tsy natolony ho amin' ny fahafatesana. **19** Vohay ny vavahadin' ny fahamarinana aho; Hiditra eo aho ka hidera an' i Jehovah. **20** Ity no vavahadin' i Jehovah; Ny marina no hiditra eo. **21** Hidera Anao aho, fa efa namaly ahy Hianao Ka efa famonjena ahy. **22** Ny vato izay nolavin' ny mpanao trano No efa tonga fehizoro Indrindra. **23** Avy tamin' i Jehovah izany Ka mahagaga eo imasontsika. **24** Ity no andro nataon' i Jehovah; Hifaly sy ho ravoravo amin' izao isika. **25** Mifona aminao aho, Jehovah ô, vonjeo è!

Mifona aminao aho, Jehovah ô, ambino è! **26** Hotahina anie izay avy amin' ny anaran' i Jehovah; Avy ao an-tranon' i Jehovah no itsofanay rano anareo. **27** Andriamanitra Jehovah ka nampahazava antsika; Rohizo kofehy ny fanatipiravoravoana na dia hatreo amin' ny tandroky ny alitara aza. **28** Andriamanitro Hianao, ka hidera Anao aho; Eny, Andriamanitro, ka hanandratra Anao aho. **29** Miderà an' i Jehovah, fa tsara Izy; Eny, mandrakizay ny famindrampony.

119 Sambatra ny mahitsy lalana, Izay mandeha araka ny lalàn' i Jehovah. **2** Sambatra izay mitandrina ny teni-vavolombelony Ka mitady Azy amin' ny fo rehetra; **3** Eny, Izay tsy manao ratsy. Fa mandeha araka ny lalany. **4** Hianao namoaka ny didinao Mba hotandremana tsara. **5** Enga anie ka ho tafatoetra ny lalako Hitandremako ny didinao! **6** Dia tsy ho menatra aho, Raha mandinika ny didinao rehetra. **7** Hidera Anao amin' ny hitsim-po aho Amin' ny ianarako ny fitsipikao marina. **8** Ny didinao no hotandremako; Aza dia mahafoy ahy Hianao. **9** Inona no hiarovan' ny zatovo ny lalan-kalehany tsy ho voaloto? Ny fitandremana araka ny teninao. **10** Tamin' ny foko rehetra no nitadiavako Anao; Aza avela hivily hiala amin' ny didinao aho. **11** Ato am-poko no iraketako ny teninao, Mba tsy hanotako aminao. **12** Isaorana anie Hianao, Jehovah ô; Ampianaro ahy ny didinao. **13** Ny molotro no nentiko nilaza Ny fitsipika rehetra naloaky ny vavanao. **14** Ny lalan' ny teni-vavolombelonao no ifaliako, Tahaka ny ifaliako amin' ny harena rehetra. **15** Ny didinao no hosaintsainiko, Ary hodinihiko ny lalanao. **16** Ny didinao no hiravoravoako: Tsy hohadinoiko ny teninao. **17** Asio soa aho mpanomponao, mba ho velona Ka hitandrina ny teninao. **18** Ampahirato ny masoko, mba hahitako Zava-mahagaga ao amin' ny lalànao. **19** Vahiny etỳ an-tany aho; Aza afeninao ahy ny didinao. **20** Torotoro ny fanahiko noho ny faniriany Ny fitsipikao mandrakariva. **21** Voateninao mafy ny mpirehareha, dia ny olom-boaozona, Izay mania miala amin' ny didinao. **22** Esory amiko ny fahafaham-baraka sy ny fanamavoana: Fa efa nitandrina ny teni-vavolombelonao aho. **23** Na dia ny mpanapaka aza dia mipetraka, ka iokoany aho; Izaho mpanomponao misaintsaina ny didinao. **24** Ny teni-vavolombelonao koa no firavoravoako, Eny, mpanolo-tsaina ahy izany. **25** Miraikitra amin' ny vovoka ny fanahiko; Velomy aho araka ny teninao. **26** Ny lalako no nolazaiko, ary namaly ahy Hianao: Ampianaro ahy ny didinao. **27** Ampahalalao ahy ny lalan' ny didinao; Dia hoheveriko ny fahagagana nataonao. **28** Mipotrapotra-dranomaso aho noho ny alaheloko; Ampaherezo aho araka ny teninao. **29** Ny lalan' ny lainga no esory amiko: Ary ny lalànao no anasoavy ahy. **30** Ny lalàn' ny fahamarinanao no fidiko; Apetrako eo anatrehako ny fitsipikao. **31** Mifikitra amin' ny teni-vavolombelonao aho; Jehovah ô, aza avela ho azonkenatra aho; **32** Ny lalan' ny didinao no ihazakazahako, Fa ampahalalahinao ny foko. **33** Jehovah ô, toroy ny lalan' ny didinao aho; Dia hotandremako hatramin' ny farany izany. **34** Omeo fahalalana aho mba hitandrina ny lalànao; Eny, hitandrina azy amin' ny foko rehetra aho. **35** Ampandehano amin' ny lalan' ny didinao aho; Fa izany no sitrako. **36** Amporisiho ny foko ho amin' ny teni-vavolombelonao, Fa tsy ho amin' ny fieremana. **37** Avilio ny masoko tsy hijery zavapoana; Velomy amin' ny lalanao aho. **38** Tovy ny teninao amin' ny mpanomponao, Izay matahotra Anao indrindra. **39** Esory ny fahafaham-baraka, izay atahorako; Fa tsara ny fitsipikao. **40** Indro, manina ny didinao aho, Velomy amin' ny fahamarinanao. **41** Aoka ho tonga amiko ny famindramponao, Jehovah ô, Dia ny famonjenao, araka ny teninao. **42** Dia hamaly izay miteny ratsy ahy aho, Satria matoky ny teninao. **43** Ary aza dia esorina amin' ny vavako ny teny marina; Fa miandry ny fitsaranao aho. **44** Dia hitandrina ny lalinao mandrakariva aho, Dia mandrakizay doria. **45** Ary handeha amin' ny malalaka aho; Fa ny didinao no tadiaviko. **46** Hilaza ny teni-vavolombelonao eo anatrehan' ireo mpanjaka aho Ka tsy ho menatra. **47** Ary hiravoravo amin' ny didinao aho Satria tiako ireny. **48** Hasandratro ny tanako ho amin' ny didinao satria tiako ireny: Hosaintsainiko ny didinao. **49** Tsarovy ny teny natao tamiko mpanomponao Izay nampanantenanao ahy. **50** Izao no mampionona ahy amin' ny fahoriako; Ny teninao no mamelona ahy. **51** Ny mpirehareha maniratsira ahy: Tsy mba mivily miala amin' ny lalànao aho. **52** Mahatsiaro ny fitsipikao izay hatramin' ny taloha aho, Jehovah ô, Dia mionona aho. **53** Fahatezerana mirehitra no nahazo ahy Noho ny amin' ny ratsy fanahy izay mahafoy ny lalànao. **54** Ny didinao no ataoko an-kira Ao amin' ny trano fivahiniako. **55** Mahatsiaro ny anaranao nony alina aho, Jehovah ô, Ka mitandrina ny lalànao. **56** Izao no ahy: Mitandrina ny didinao aho. **57** Anjarako Jehovah; Minia mitandrina ny teninao aho. **58** Mifona aminao amin' ny foko rehetra aho: Mamindrà fo amiko araka ny teninao. **59** Mihevitra ny lalako aho Ka mamerina ny tongotro ho amin' ny teni-vavolombelonao. **60** Mandeha faingana aho ka tsy mitaredretra, Amin' ny fitandremana ny didinao. **61** Nihodidina tamiko ny famatoran' ny ratsy fanahy; Tsy mba nanadino ny lalànao aho. **62** Mamatonalina no hifohazako hidera Anao Noho ny fitsipikao marina. **63** Naman' izay rehetra matahotra Anao aho Sy naman' izay mitandrina ny didinao. **64** Jehovah ô, henika ny famindram-ponao ny tany; Ampianaro ahy ny didinao. **65** Jehovah ô, efa nasianao soa ny mpanomponao, Araka ny teninao. **66** Ampianaro fahafantarana tsara sy fahalalana aho, Fa matoky ny didinao aho. **67** Fony tsy mbola azompahoriana aho, dia naniasia; Fa ankehitriny dia mitandrina ny teninao aho. **68** Sady tsara Hianao no Mpanao ny tsara; Ampianaro ahy ny didinao. **69** Namoron-dainga hamelezana ahy ny mpirehareha; Amin' ny foko rehetra no itandremako ny didinao. **70** Matavy tahaka ny menaka ny fony; Fa izaho kosa, dia ny lalànao no iravoravoako. **71** Soa ihany aho nampahorina, Mba hianarako ny didinao. **72** Ny lalàn' ny vavanao no mahatsara ahy Mihoatra noho ny volamena sy ny volafotsy tsy omby arivo. **73** Ny tananao nanao ahy sy namboatra ahy; Ampianaro aho, mba hianarako ny didinao. **74** Izay matahotra Anao hahita ahy ka ho faly; Fa ny teninao no andrasako. **75** Fantatro, Jehovah ô, fa marina ny fitsaranao. Ary ny fahamarinanao no nampahorianao ahy. **76** Ny famindram-

ponao anie no hampiononana ahy Araka ny teninao tamin' ny mpanomponao. **77** Aoka ho tonga amiko ny fiantranao, mba ho velona aho; Fa ny lalànao no firavoravoako. **78** Aoka ho menatra ny mpirehareha, fa nampahory ahy tsy ahoan-tsy ahoana izy; Izaho hisaintsaina ny didinao. **79** Aoka hiverina amiko izay matahotra Anao Sy izay mahalala ny teni-vavolombelonao. **80** Aoka ho marina tsara ny foko amin' ny fitanana ny didinao, Mba tsy ho menatra aho. **81** Ritra ny aiko, satria manina ny famonjenao aho; Ny teninao no andrasako. **82** Pahina ny masoko miandry ny teninao, Ka hoy izaho: Rahoviana no hampionona ahy Hianao? **83** Fa tahaka ny siny hoditra ao amin' ny setroka aho. Nefa ny didinao tsy mba hadinoiko. **84** Hoatrinona no andron' ny mpanomponao? Rahoviana no hanao fitsarana amin' izay manenjika ahy Hianao? **85** Efa nanao longoa hianjerako ny mpirehareha, Dia izay tsy manaraka ny lalànao. **86** Marina ny didinao rehetra; Manenjika ahy tsy ahoan-tsy ahoana ireny; vonjeo aho. **87** Saiky laniny teo amin' ny tany aho, Kanefa tsy mba mahafoy ny didinao. **88** Velomy aho araka ny famindram-ponao; Dia hitandrina ny teni-vavolombelona naloaky ny vavanao aho. **89** Ho mandrakizay, Jehovah ô, No nanorenanao any an-danitra ny teninao. **90** Hihatra amin' ny taranaka fara-mandimby ny fahamarinanao; Efa nampitoetra ny tany Hianao, ka, indro, mitoetra izy. **91** Hanefa ny fitsaranao no itoerany mandraka androany; Fa mpanomponao ny zavatra rehetra. **92** Raha tsy ny lalànao no niravoravoako, Dia maty tamin' ny fahoriako aho. **93** Tsy hohadinoiko mandrakizay ny didinao; Fa ireny no amelomanao ahy. **94** Anao aho, vonjeo aho; Fa ny didinao no tadiaviko. **95** Miandry ahy ny ratsy fanahy mba hahafaty ahy; Mandinika ny teni-vavolombelonao aho **96** Efa hitako fa manam-pahataperana avokoa ny tanteraka rehetra; Malalaka indrindra ny didinao. **97** Endrey ny fitiavako ny lalànao! Fisaintsainako mandrakariva izany. **98** Ny didinao mampahahendry ahy mihoatra noho ny fahavaloko, Satria ato amiko mandrakizay ireny. **99** Hendry noho ny mpampianatra ahy rehetra aho, Satria ny teni-vavolombelonao no fisaintsainako. **100** Hendry noho ny anti-panahy aho, Satria ny didinao no notandremako. **101** Efa narovako ny tongotro tsy ho amin' izay lalàn-dratsy, Mba hitandremako ny teninao. **102** Tsy mba miala amin' ny fitsipikao aho; Fa Hianao no mampianatra ahy. **103** Endrey ny hamamin' ny teninao, raha andramako! Mihoatra noho ny tantely ato am-bavako aza! **104** Ny didinao no nahazoako fahalalana; Izany no ankahalako ny lalam-pitaka rehetra. **105** Fanilon' ny tongotro Sy fanazavana ny lalako ny teninao. **106** Efa nianiana aho fa hitandrina ny fitsipikao marina, Ka nefaiko izany. **107** Ampahorina indrindra aho; Jehovah ô, velomy aho araka ny teninao. **108** Jehovah ô, aoka anie mba hankasitrahanao ny fanati-tsitrapo aloaky ny vavako, Ary ampianaro ahy ny fitsipikao. **109** An-tenda ihany ny aiko mandrakariva; Kanefa tsy manadino ny lalànao aho. **110** Ny ratsy fanahy mamela-pandrika haningotra ahy; Kanefa tsy mania miala amin' ny didinao aho. **111** Efa noraisiko ho lovako mandrakizay ny teni-vavolombelonao, Satria fifalian' ny foko izany. **112** Apetrako ny foko hankatò ny didinao Mandrakizay hatramin' ny farany. **113** Halako ny mpiroa saina; Fa ny lalànao no tiako. **114** Fiereko sy ampingako Hianao; Ny teninao no andrasako. **115** Mialà amiko ianareo mpanao ratsy, Mba hitandremako ny didin' Andriamanitro. **116** Tohàny aho araka ny teninao, mba ho velona, Ary aoka tsy ho menatra amin' ny fanantenako aho. **117** Tohàny aho mba ho voavonjy, Ka ho faly hijery ny didinao mandrakariva. **118** Ataonao tsinontsinona izay rehetra mania amin' ny didinao; Fa famitahan-tena ihany ny laingany. **119** Efa nataonao fanary tain-drendrika ny ratsy fanahy rehetra amin' ny tany; Izany no itiavako ny teni-vavolombelonao. **120** Mipararetra ny nofoko ny fahatahorana Anao, Ary matahotra ny fitsaranao aho. **121** Manaraka ny fitsipika sy ny fahamarinana aho; Aza manolotra ahy ho amin' ny mpampahory ahy. **122** Iantohy mba ho soa ny mpanomponao; Aza avela hampahory ahy ny mpirehareha. **123** Pahina ny masoko miandry ny famonjenao. Sy ny tenin' ny fahamarinanao. **124** Ataovy amin' ny mpanomponao araka ny famindram-ponao; Ary ampianaro ahy ny didinao. **125** Mpanomponao aho, ka ampianaro, Mba ho fantatro ny teni-vavolombelonao. **126** Efa andro tokony hampisehoan' i Jehovah ny heriny izao; Fa nandika ny lalànao ny olona. **127** Izany no itiavako ny didinao mihoatra noho ny volamena, Eny, noho ny tena volamena aza. **128** Izany no iheverako ny didy rehetra ho marina avokoa; Halako ny lalam-pitaka rehetra; **129** Mahagaga ny teni-vavolombelonao, Ka dia mitandrina azy ny fanahiko. **130** Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao Ka manome fahalalana ho an' ny kely saina. **131** Mitanatana vava aho ka mihanahana, Fa ny didinao no iriko. **132** Todiho aho, ka mamindrà fo amiko, Araka ny tokony ho anjaran' izay tia ny anaranao. **133** Ampitoero eo amin' ny teninao ny diako; Ary aza avela hanapaka ahy izay mety ho faharatsiana. **134** Vonjeo amin' ny fampahorian' ny olona Dia hitandrina ny didinao. **135** Ampamirapirato amin' ny mpanomponao ny tavanao; Ary ampianaro ahy ny didinao. **136** Rano mandriaka no mijononoka amin' ny masoko Noho ny tsi-fitandreman' ny olona ny lalànao. **137** Marina Hianao, Jehovah ô, Ary mahitsy ny fitsipikao. **138** Efa voadidinao amin' ny fahamarinana Sy ny fahatokiana indrindra ny teni-vavolombelonao. **139** Efa maharitra aina ahy ny fahasaro-piaroko, Satria nanadino ny teninao ny mpandrafy ahy. **140** Voazaha toetra tamin' ny memy ny teninao, Ka dia tian' ny mpanomponao. **141** Kely aho ka natao ho tsinontsinona; Nefa tsy hadinoiko ny didinao. **142** Ny fahamarinanao dia fahamarinana mandrakizay, Ary marina ny lalànao. **143** Fahoriana sy fahaterena no nahazo ahy; Ny didinao no firavoravoako. **144** Ny fahamarinan' ny teni-vavolombelonao dia mandrakizay; Ampianaro aho, mba ho velona. **145** Ny foko rehetra no nentiko nitaraina hoe: Valio aho, Jehovah ô; Ny didinao no hotandremako; **146** Nitaraina taminao aho nanao hoe Vonjeo aho, Dia hitandrina ny didinao. **147** Raha mbola tsy nazavaratsy aza ny andro, dia nitaraina aho; Ny teninao no andrasako. **148** Nialoha ny fiambenana amin' ny alina ny masoko, Mba hisaintsainako ny teninao. **149** Henoy ny feoko araka ny famindram-ponao, Jehovah ô, Velomy aho araka ny fitsipikao. **150** Efa mby akaiky izay fatra-panaraka ny ratsy, Dia izay manalavitra

ny lalànao. **151** Akaiky Hianao, Jehovah ô; Ary marina ny didinao rehetra. **152** Efa fantatro ela tamin' ny teni-vavolombelonao Fa nampitoerinao ho mandrakizay ireny. **153** Jereo ny fahoriako, ka vonjeo aho; Fa ny lalànao tsy mba hadinoiko. **154** Soloy vava aho, ka vonjeo; Velomy aho araka ny teninao. **155** Lavitra ny ratsy fanahy ny famonjena, Satria ny didinao tsy tadiaviny. **156** Lehibe ny antranao, Jehovah ô; Velomy aho araka ny fitsipikao. **157** Maro ny mpanenjika sy mpandrafy ahy; Tsy mba niala tamin' ny teni-vavolombelonao aho. **158** Mijery ny mpivadika aho, ka maharikoriko ahy ireny, Dia izay tsy nitandrina ny teninao. **159** He ny fitiavako ny didinao! Jehovah ô, velomy aho araka ny famindram-ponao. **160** Fahamarinana no tontalin-kevitry ny teninao; Ary mandrakizay ny fitsipikao marina rehetra. **161** Na dia ny mpanapaka aza dia nanenjika ahy tsy ahoan-tsy ahoana; Nefa ny teninao no atahoran' ny foko. **162** Faly aho noho ny teninao Tahaka ny mahazo babo be. **163** Halako ny lainga ka ataoko ho fahavetavetana; Ny lalànao no tiako. **164** Impito isan' andro no iderako Anao Noho ny fitsipikao marina. **165** Be fiadanana izay tia ny lalànao, Ary tsy misy mahatafintohina azy. **166** Miandry ny famonjenao aho, Jehovah ô, Ka mankatò ny didinao. **167** Mitandrina ny teni-vavolombelonao ny fanahiko, Ka tiako indrindra izy. **168** Mitandrina ny didinao sy ny teni-vavolombelonao aho; Fa ny lalan-kalehako rehetra dia eo anatrehanao. **169** Aoka anie ho tonga eo anatrehanao ny fitarainako, Jehovah ô; Ampianaro aho araka ny teninao. **170** Aoka anie ho tonga eo anatrehanao ny fifonako; Vonjeo aho araka ny teninao. **171** Aoka hiboiboika fiderana ny molotro, Fa ampianarinao ahy ny didinao. **172** Hihira ny teninao ny lelako, Fa marina ny didinao rehetra. **173** Aoka anie hamonjy ahy ny tananao; Fa efa nifidy ny didinao aho. **174** Efa manina ny famonjenao aho, Jehovah ô; Ary ny lalànao no firavoravoako. **175** Aoka anie ho velona ny fanahiko ka hidera Anao; Ary aoka anie hamonjy ahy ny fitsaranao. **176** Efa nania aho; tadiavo ny mpanomponao toy ny fitady ondry very; Fa ny didinao tsy mba hadinoiko.

120 Fihirana fiakarana. **2** Jehovah ô, vonjeo ny fanahiko amin' ny molotra mandainga, Eny, amin' ny lela mamitaka **3** Inona no homeny anao, ary inona koa no hataony aminao, Ry lela mamitaka? **4** Zana-tsipìkan' ny mahery sady voaranitra, Mbamin' ny vain' afon' anjavidy. **5** Lozako, fa mivahiny eto amin' ny Maseka aho Ary mitoetra ato an-dain' ny Kedarita! **6** Ela loatra izay no nitoeran' ny fanahiko teo amin' Izay tsy tia fihavanana. **7** Raha izaho, dia fihavanana; Kanjo nony miteny aho, dia mila ady kosa ireny.

121 Fihirana fiakarana. **2** Ny famonjena ahy dia avy amin' i Jehovah, Mpanao ny lanitra sy ny tany. **3** Tsy mba havelany hangozohozo anie ny tongotrao; Tsy ho rendrehana anie ny Mpiaro anao. **4** Indro, tsy matory na rendrehana Ny Mpiaro ny Isiraely. **5** Jehovah no Mpiaro anao; Jehovah no fialofanao eo amin' ny an-kavananao. **6** Ny masoandro tsy mba hamely anao nony andro, Na ny volana nony alina. **7** Jehovah hiaro anao amin' ny ratsy rehetra; Eny, hiaro ny fanahinao Izy. **8** Jehovah hiaro anao, na mivoaka na miditra, Hatramin' izao ka ho mandrakizay.

122 Fihirana fiakarana. Nataon' i Davida. **2** Ny tongotray efa mijoro Eo anatin' ny vavahadinao, ry Jerosalema ô, **3** Dia ianao ry Jerosalema, izay efa vita Tahaka ny tanàna efa voalamina tsara; **4** Any no iakaran' ny firenena, Dia ireo firenen' i Jehovah (Lalàna amin' ny Isiraely izany). Mba hisaotra ny anaran' i Jehovah. **5** Fa any no misy seza fitsarana mipetraka, Dia ny seza fiandrianan' ny mpianakavin' i Davida. **6** Mangataha fiadanana ho an' i Jerosalema; Hambinina anie izay tia anao; **7** Fiadanana anie ho ao anatin' ny mandanao; Fanambinana anie ho ao an-dapanao **8** Noho ny rahalahiko sy ny namako No hanaovako hoe Fiadanana anie ho ao anatinao. **9** Noho ny tranon' i Jehovah Andriamanitsika Dia hitady izay hahatsara anao aho.

123 Fihirana fiakarana. **2** Indro, toy ny fijerin' ny ankizilahy Ny tanan' ny tompolahiny, Ary toy ny fijerin' ny ankizivavy Ny tanan' ny tompovaviny, No fijerintsika an' i Jehovah Andriamanitsika, Mandra-pamindra fony amintsika. **3** Mamindrà fo aminay, Jehovah ô, mamindrà fo aminay; Fa tototry ny fanamavoana loatra izahay; **4** Eny, tototry ny famingavingan' ny miadana ny fanahinay, Sy tototry ny fanamavoan' ny mpiavonavona.

124 Fihirana fiakarana. Nataon' i Davida. **2** Raha tsy Jehovah no nomba antsika, Raha nitsangana hamely antsika ny olona. **3** Dia nitelina antsika velona izy, Raha nirehitra tamintsika ny fahatezerany; **4** Dia nandifotra antsika ny rano, Ary nanafotra ny fanahintsika ny riaka; **5** Eny, nanafotra ny fanahintsika Ny rano misafoaka. **6** Isaorana anie Jehovah, Izay tsy nanolotra antsika ho rembin' ny nifiny. **7** Ny fanahintsika dia efa afaka tahaka ny vorona afaka tamin' ny fandriky ny mpihaza: Tapaka ny fandrika, ka afaka isika. **8** Ny famonjena antsika dia amin' ny anaran' i Jehovah, Mpanao ny lanitra sy ny tany.

125 Fihirana fiakarana. **2** Tahaka ny tendrombohitra manodidina an' i Jerosalema No anodidinan' i Jehovah ny olony Hatramin' izao ka ho mandrakizay **3** Fa tsy hitoetra eo amin' ny anjaran' ny marina ny tehim-panjakan' ny ratsy fanahy, Fandrao ny marina haninjitra ny tànany hanendry zava-dratsy. **4** Jehovah ô, manaova soa amin' ny tsara Sy ny mahitsy fo. **5** Fa izay mivily ho amin' ny sakeli-dalana mivilivily Dia horoahin' i Jehovah miaraka amin' ny mpanao ratsy anie. Fiadanana anie ho amin' ny Isiraely.

126 Fihirana fiakarana. **2** Fahizay dia feno hehy ny vavantsika Sy fihobiana ny lelantsika; Dia natao tany amin' ny Jentilisa hoe: Zava-dehibe no nataon' i Jehovah ho an' ireny. **3** Eny, zava-dehibe no nataon' i Jehovah ho antsika, Ka dia faly isika. **4** Tanteraho, Jehovah ô, ny ham-podiana anay avy amin' ny fahababoana, Tahaka ny fiverenan' ny riaka any amin' ny tany atsimo. **5** Izay mamafy am-pitomaniana Dia hijinja am-pifaliana. **6**

Mandeha mitomany mitondra ny voa afafiny izy, Fa hiverina mitondra ny amboarany amin' ny fihobiana kosa.

127 Fihirana fiakarana. Nataon' i Solomona. **2** Zavapoana ho anareo ny mifoha maraina Sy ny alimpandry Ka homana ny hanina azo amin' ny fahasahiranana; Izany anefa dia omeny ihany ho an' ny malalany, na dia matory aza izy. **3** Indro, lova avy amin' i Jehovah ny zanaka maro; Tamby ny ateraky ny kibo. **4** Tahaka ny zana-tsipìka eo an-tànan' ny mahery Ny zanaky ny fahatanorana. **5** Sambatra izay mameno ny tranon-jana-tsipìkany amin' ireny; Tsy ho menatra ireny, raha mifamaly amin' ny fahavalo eo am-bavahady.

128 Fihirana fiakarana. **2** Fa hohaninao tokoa ny asan' ny tananao; Sambatra sady ambinina ianao. **3** Ny vadinao dia tahaka ny voaloboka mahavokatra Ao anatin' ny tranonao; Ny zanakao dia tahaka ny zanak' oliva Manodidina ny latabatrao. **4** Indro, fa toy izany no hitahiana Izay lehilahy matahotra an' i Jehovah. **5** Hitahy anao avy any Ziona anie Jehovah; Ary ho faly hahita ny fahasoavan' i Jerosalema anie ianao Amin' ny andro rehetra hiainanao. **6** Eny, hahita ny zafinao anie ianao; Fiadanana anie ho amin' ny Isiraely.

129 Fihirana fiakarana. **2** Mafy no nampahoriany ahy hatry ny fony aho mbola tanora; Nefa tsy naharesy ahy izy. **3** Ny mpiasa dia niasa ny lamosiko; Efa nanalava ny vavasany izy. **4** Marina Jehovah: Efa nanapaka ny famatorana nataon' ny ratsy fanahy Izy. **5** Aoka ho menatra sy hiamboho Izay rehetra mandrafy an' i Ziona **6** Ka ho tahaka ny ahitra eo an-tampon-trano. Izay malazo, na dia tsy misy manongotra azy aza; **7** Tsy misy mpijinja mameno tanana Na mpamehy amboara mameno tratra amin' izany; **8** Ka dia tsy hisy mpandalo hanao hoe: Hotahin' i Jehovah anie ianareo; Eny, ny anaran' i Jehovah no itsofanay rano anareo.

130 Fihirana fiakarana. **2** Tompo ô, henoy ny feoko; Aoka ny sofinao hihaino tsara ny feon' ny fifonako. **3** Raha mandinika heloka Hianao, Jehovah ô, Iza no hahajanona, Tompo ô? **4** Fa eo aminao no misy ny famelankeloka, Mba hatahorana Anao. **5** Niandry an' i Jehovah aho; eny, niandry Azy ny fanahiko, Ary ny teniny no nanantenako. **6** Ny fanahiko miandry ny Tompo Mihoatra noho ny fiandrin' ny mpiambina ny maraina, Dia ny fiandrin' ny mpiambina ny maraina. **7** Manantenà an' i Jehovah, ry Isiraely; Fa eo amin' i Jehovah no misy famindram-po sy fanavotana be; **8** Ary Izy no hanavotra ny Isiraely Ho afaka amin' ny helony rehetra.

131 Fihirana fiakarana. Nataon' i Davida. **2** Fa nampionona sy nampangina ny fanahiko aho; Tahaka ny zaza efa maoty eo amin-dreniny. Dia tahaka Izany ny fanahiko ato anatiko. **3** Ry Isiraely ô, manantenà an' i Jehovah Hatramin' izao ka ho mandrakizay.

132 Fihirana fiakarana. **2** Dia ilay nianiana tamin' i Jehovah Sy nivoady tamin' ny Maherin' i Jakoba hoe: **3** Tsy mba hiditra ao an-daiko aho, Na hiakatra amin' ny farafara fandriako, **4** Tsy mba havelako hatory ny masoko, Na ho rendrehana ny hodimasoko, **5** Mandrapahitako fitoerana ho an' i Jehovah. Dia fonenana ho an' ny Maherin' i Jakoba. **6** Indro, nandre azy tany Efrata isika; Nahita azy tao amin' ny saha anaty ala isika. **7** Aoka hiditra any amin' ny fonenany isika Ka hivavaka eo amin' ny fitoeran-tongony. **8** Mitsangàna, Jehovah ô, ho amin' ny fitsaharanao, Dia Hianao sy ny fiaran' ny herinao. **9** Aoka ny mpisoronao hirafy fahamarinana Ary aoka ny olonao masìna hihoby. **10** Noho ny amin' i Davida mpanomponao Dia aza mampiala maina ny tavan' ny voahosotrao. **11** Jehovah efa nianiana tamin' i Davida, Ary marina izany ka tsy hitsoahany Ny ateraky ny kibonao no hapetrako eo ambonin' ny seza fiandriananao. **12** Raha hotandreman' ny zanakao ny fanekeko Sy ny teny vavolombeloko izay hampianariko azy, Dia hipetraka eo ambonin' ny seza fiandriananao mandrakizay doria kosa ny zanany. **13** Fa Jehovah efa nifidy an' i Ziona. Ary naniry azy ho fonenany. **14** Ity, hoy Izy, no fitsaharako mandrakizay doria; Eto no honenako, fa efa niriko ity. **15** Hotahiko tokoa ny fihinana ao; Hovokisako hanina ny malahelo ao. **16** Ny mpisorona ao dia hampitafiko famonjena; Ary hihoby tokoa ny olomasìna ao. **17** Ao no hampitsimohako tandroka ho an' i Davida Sy hanamboarako jiro ho an' ny voahosotro. **18** Ny fahavalony hampitafiko henatra; Fa eo aminy kosa no hamirapiratra ny satro-boninahiny.

133 Fihirana fiakarana. Nataon' i Davida. **2** Tahaka ny diloilo tsara amin' ny loha, Izay mitsororoka amin' ny somotra, dia ny somotr' i Arona, Izay mitsororoka amin' ny moron-tongotr' akanjony; **3** Tahaka ny ando any Hermona, izay milatsaka amin' ny tendrombohitra Ziona; Fa voadidin' i Jehovah ho eo ny fitahiana, Dia fiainana ho mandrakizay.

134 Fihirana fiakarana. **2** Manandrata ny tananareo ho amin' ny fitoerana masìna, Ka misaora an' i Jehovah. **3** Hitahy anao avy ao Ziona anie Jehovah Mpanao ny lanitra sy ny tany.

135 Haleloia. Miderà ny anaran' i Jehovah; Miderà, ianareo mpanompon' i Jehovah, **2** Hianareo izay mpitoetra ao an-tranon' i Jehovah, Eo anatin' ny kianjan' ny tranon' Andriamanitsika. **3** Miderà an' i Jehovah, fa tsara Izy; Mankalazà ny anarany, fa mahafinaritra izany. **4** Fa Jakoba nofidin' i Jehovah ho Azy, Ary Isiraely ho rakitra soa ho Azy, **5** Fa fantatro fa lehibe Jehovah, Ary ambonin' ny andriamanitra rehetra ny Tompontsika. **6** Manao izay sitrapony rehetra Jehovah, Na any amin' ny lanitra, na etỳ ambonin' ny tany, Na any amin' ny ranomasina sy ny rano lalina rehetra. **7** Mampiakatra zavona avy amin' ny faran' ny tany Izy; Manao helatra arahin-dranonorana Izy; Mamoaka ny rivotra avy ao an-trano fitehirizany Izy, **8** Dia Ilay namely ny voalohan-terak' i Egypta, Na olona, na biby. **9** Nanatitra famantarana sy fahagagana teo aminao Izy, ry Egypta ô, Eny, tamin' i Farao sy ny mpanompony rehetra, **10** Dia Ilay namely ny jentilisa maro Ka nahafaty mpanjaka mahery, **11**

Dia Sihona, mpanjakan' ny Amorita, Sy Oga, mpanjakan' i Basana, Ary ny fanjakan' i Kanana rehetra; **12** Ary ny taniny nomeny ho lova, Eny, ho lovan' ny Isiraely olony. **13** Jehovah ô, mandrakizay ny anaranao; Jehovah ô, hihatra amin' ny taranaka fara mandimby ny fahatsiarovana Anao. **14** Fa hanome rariny ny olony Izy Ary hanenina ny amin' ny mpanompony. **15** Ny sampin' ny jentilisa dia volafotsy sy volamena, Asan' ny tànan' olona; **16** Manam-bava izy, fa tsy miteny; Mana-maso izy, fa tsy mahita; **17** Manan-tsofina izy, fa tsy mandre; Ary tsy misy fofonaina ao am-bavany. **18** Ho tahaka azy izay manao azy Sy izay rehetra matoky azy. **19** Misaora an' i Jehovah, ry taranak' Isiraely; Misaora an' i Jehovah, ry taranak' i Arona; **20** Misaora an' i Jehovah, ry taranak' i Levy; Hianareo izay matahotra an' i Jehovah, misaora an' i Jehovah. **21** Isaorana avy any Ziona anie Jehovah, Izay mitoetra any Jerosalema. Haleloia.

136 Miderà an' i Jehovah, fa tsara Izy; Fa mandrakizay ny famindram-pony. **2** Midera an' Andriamanitra Avo Indrindra; Fa mandrakizay ny famindram-pony. **3** Miderà ny Tompon' ny tompo; Fa mandrakizay ny famindram-pony; **4** Izy irery no Mpanao fahagagan-dehibe (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **5** Izay nanao ny lanitra tamin' ny fahendrena (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **6** Izay namelatra ny tany ho ambonin' ny rano, (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **7** Izay nanao ireo fanazavana lehibe (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **8** Dia ny masoandro ho mpanapaka ny andro (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **9** Ary ny volana sy ny kintana ho mpanapaka ny alina (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **10** Izay namely ny voalohan-terak' i Egypta, (Fa mandrakizay ny famindram-pony) **11** Ka nitondra ny Isiraely nivoaka avy teo aminy (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **12** Tamin' ny tanana mahery sy ny sandry nahinjitra (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **13** Izay nampisaraka ny Ranomasina Mena (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **14** Ka nampandeha ny Isiraely namaky teo afovoany (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **15** Fa nanary an' i Farao sy ny miaramilany tao anatin' ny Ranomasina Mena (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **16** Izay nitondra ny olony nitety ny efitra (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **17** Izay namely mpanjaka lehibe (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **18** Ka nahafaty mpanjaka malaza (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **19** Dia Sihona, mpanjakan' ny Amorita (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **20** Sy Oga, mpanjakan' i Basana (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **21** Ary ny taniny nomeny ho lova (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **22** Dia ho lovan' ny Isiraely mpanompony (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **23** Izay nahatsiaro antsika fony isika ambany toetra (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **24** Ka naneho hery namonjy antsika ho afaka tamin' ny fahavalontsika (Fa mandrakizay ny famindram-pony), **25** Izay manome hanina ny nofo rehetra (Fa mandrakizay ny famindram-pony); **26** Miderà an' Andriamanitry ny lanitra; Fa mandrakizay ny famindram-pony.

137 Teo amoron' ny onin' i Babylona no nipetrahanay, Sady nitomanianay, raha nahatsiaro an' i Ziona. **2** Teo amin' ny hazomalahelo teo afovoan' i Babylona No nanantonanay ny lokanganay. **3** Fa teo dia nangataka anay hihira izay namabo anay; Ary izay nampahory anay nangataka anay hanao fifaliana ka nanao hoe: Manaova hiran' i Ziona eto anatrehanay. **4** Nefa ho nataontsika ahoana no fihira ny fihiran' i Jehovah Tany an-tany nivahiniana? **5** Raha manadino anao aho, ry Jerosalema ô, Aoka kosa ny tanako ankavanana mba hanadino. **6** Raha tsy mahatsiaro anao aho, Aoka ny lelako hiraikitra amin' ny lanilaniko, Raha tsy Jerosalema no ataoko ambony indrindra amin' ny fifaliako rehetra. **7** Jehovah ô, tsarovy amin' ny taranak' i Edoma Ny andron' i Jerosalema, Dia ireo izay nanao hoe: Ravao, ravao izy Hatramin' ny fanorenany. **8** Ry Babylona zanakavavy izay efa resy, Sambatra izay mamaly anao Araka izay nataonao taminay. **9** Sambatra izay maka ny zanakao madinika ka manjera azy ho torotoro, Amin' ny harambato.

138 Nataon' i Davida. **2** Hivavaka manandrify ny tempolinao masìna aho Ka hidera ny anaranao noho ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao; Fa efa nomenao voninahitra ny teninao ho ambonin' ny anaranao rehetra. **3** Tamin' ny andro nitarainako dia namaly ahy Hianao; Nomenao fahasahiana aho ka nisy hery ny fanahiko. **4** Jehovah ô, hidera Anao ny mpanjaka rehetra amin' ny tany, Fa handre ny tenin' ny vavanao izy. **5** Eny hihira ny amin' ny lalan' i Jehovah izy; Fa lehibe ny voninahitr' i Jehovah. **6** Fa na dia avo aza Jehovah dia mijery ny ambany toetra, Ary ny mpiavonavona fantany eny lavitra eny. **7** Na dia handeha eo amin' ny fahoriana aza aho dia hamelona ahy Hianao; Haninjitra ny tananao hanohitra ny fahatezeran' ny fahavaloko Hianao Ary hamonjy ahy ny tananao ankavanana. **8** Jehovah no hahatanteraka ny amiko; Jehovah ô, mandrakizay ny famindram-ponao; Aza mahafoy ny asan' ny tananao.

139 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. **2** Hianao no mahalala ny fipetrako sy ny fitsangako Sady mahafantatra ny hevitro eny lavitra eny. **3** Voadinikao ny toetro, na mandeha aho, na mandry; Ary fantatrao tsara ny alehako rehetra. **4** Fa, indro, tsy misy teny tsy fantatrao eo amin' ny lelako, Jehovah ô. **5** Manodidina ahy eo ivohoko sy eo anatrehako Hianao, Ary apetrakao amiko ny tananao. **6** Fahalalana mahagaga ahy loatra izany, Eny, avo loatra ka tsy tratro. **7** Aiza no hialako amin' ny Fanahinao? Aiza no handosirako tsy ho eo anatrehanao? **8** Na dia miakatra any an-danitra aza aho dia any Hianao; Ary na dia manao ny fiainan-tsi-hita ho fandriako aza aho, indro, any Hianao. **(Sheol h7585)** **9** Na dia maka ny elatry ny maraina aza aho, Mba hitoetra any am-paran' ny ranomasina, **10** Dia mbola entin' ny tananao ihany aho, na dia izany aza, Sy hazonin' ny tananao ankavanana. **11** Ary na dia hoy izaho aza: Aoka ny maizina hanarona ahy, Ary aoka ny mazava manodidina ahy ho tonga alina, **12** Tsia, fa ny maizina aza tsy mahamaizina aminao; Fa ny alina dia mahazava toy ny andro ihany, Ka sahala ny mazava sy ny

maizina. **13** Fa Hianao no nahary ny voako; Namolavola ahy tao an-kibon-dreniko Hianao. **14** Hidera Anao aho; fa mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana ahy; Mahagaga ny asanao; Ary fantatry ny fanahiko marimarina izany. **15** Ny tenako tsy niafina taminao, Fony natao tao amin' ny miafina aho, Ka noforoninao hisy endrika tany ambanin' ny tany. **16** Ny masonao efa nahita ahy na dia fony tsy mbola ary fady aza aho; Voasoratra teo amin' ny bokinao avokoa ny andro voatendry, Fony tsy mbola nisy na dia iray akory aza. **17** Endrey, zava-tsoa amiko indrindra ny hevitrao, Andriamanitra ô! Akory ny hamaron' ny isany! **18** Raha hanisa azy aho, dia maro isa lavitra noho ny fasika izy; Raha mifoha aho, dia mbola aminao ihany. **19** Haringanao mihitsy ny ratsy fanahy, Andriamanitra ô, Ary mialà amiko, ianareo mpandatsa-drà. **20** Dia izay manonona Anao ho enti-mamitaka, Jehovah ô, Eny, ny fahavalonao izay manonona Anao foana. **21** Tsy hankahala izay mankahala Anao va aho, Jehovah ô, Sy ho tezitra amin' izay mitsangana hanohitra Anao? **22** Halako dia halako marina tokoa ireny; Efa fahavaloko ireny. **23** Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko; Izahao toetra aho, ary fantaro ny eritreritro; **24** Ary izahao na misy lalana mampahory ato anatiko, Dia tariho amin' ny lalana mandrakizay aho.

140 Ho an' ny mpiventy hira. Salamo nataon' i Davida. Jehovah ô, vonjeo amin' ny olon-dratsy aho, Ary arovy amin' ny olon-dozabe, **2** Izay mihevitra ratsy ao am-pony Ka manangana ady isan' andro **3** Mandranitra ny lelany tahaka ny bibilava izy, Ny poizin' ny menarana no ao ambanin' ny molony. (Sela) **4** Jehovah ô, vonjeo amin' ny tanan' ny ratsy fanahy aho, Ary arovy amin' ny olon-dozabe, Izay efa nihevitra handronjina ahy ho potraka. **5** Ny mpiavonavona efa nanafina fandrika sy kofehy hamandrihany ahy; Efa namela-pandrika harato teo amoron-dalana izy; Nametraka tadivavarana hahazoany ahy izy. **6** Hoy izaho tamin' i Jehovah Andriamanitro Hianao; Henoy ny feon' ny fifonako, Jehovah ô! **7** Jehovah, Tompo ô, ry Herin' ny famonjena ahy, Manarona ny lohako amin' ny andro fiadiana Hianao. **8** Jehovah ô, aza manome ny irin' ny ratsy fanahy; Ary aza avela ho tanteraka ny hevidratsiny, fandrao hisandratra izy. (Sela) **9** Ny lohan' izay manemitra ahy Dia aoka hosaronan' ny ratsy tononin' ny molony. **10** Aoka hisy vain' afo halatsaka aminy; Aoka hariana any anaty afo izy, na any amin' ny rano lalina, ka tsy hiarina intsony. **11** Tsy hampitoerina amin' ny tany ny olo-mahay vava; Henjehin-doza ny olon-dozabe ka ho lavo. **12** Fantatro fa Jehovah no handahatra ny tenin' ny mahantra Sady hanome rariny ho an' ny malahelo. **13** Eny tokoa, ny marina hisaotra ny anaranao; Hitoetra eo anatrehanao ny mahitsy.

141 Salamo nataon' i Davida. **2** Aoka hankeo anatrehanao mandrakariva toy ny ditin-kazo manitra ny fivavako, Ary ho toy ny fanatitra hariva ny fanandratako ny tanako. **3** Jehovah ô, asio fiambenana eo anoloan' ny vavako; Ambeno ny varavaran' ny molotro. **4** Aza avela hirona ho amin' ny zava-dratsy ny foko, Hiray raharaha amin' ny olona mpanao ratsy hanao izay asa tsy mety; Ary aoka tsy hihinana ny zava-piny aho. **5** Aoka ny marina hamely ahy amin' ny fahalemen-panahy ka hananatra ahy, Fa diloilo ahosotra ny lohako izany, ary aoka tsy handà izany ny lohako; Fa ny hany heriko dia ny mbola hivavaka ihany noho ny faharatsian' ireny. **6** Havarina amin' ny hantsam-bato ny mpitsara azy, Dia hankasitraka ny teniko ny olona. **7** Toy ny fiasa sy ny fihevo ny tany No nanelezana ny taolanay teo am-bavan' ny fiainan-tsihita. **(Sheol h7585)** **8** Fa Hianao no andrandrain' ny masoko, Jehovah Tompo ô; Hianao no ialofako, aza mandatsaka ny aiko. **9** Arovy aho amin' ny fandrika amandrihany ahy Sy amin' ny tadivavaran' ny mpanao ratsy. **10** Aoka ny ratsy fanahy ho latsaka eo anatin' ny fandriny ihany, Fa izaho kosa handalo fotsiny.

142 Maskila nataon' i Davida tamin' izy tao anaty lavaka. Fivavahana. Ny feoko no itarainako amin' i Jehovah; Ny feoko no ifonako amin' i Jehovah. **2** Loarako eo anatrehany ny fitarainako; Ambarako eo anatrehany ny fahoriako. **3** Raha reraka ato anatiko ny fanahiko, dia fantatro ny alehako; Eo amin' ny lalana izorako No nanafenany fandrika hamandrihany ahy. **4** Jereo eo ankavanana, ka izahao, Fa tsy misy olona mahalala ahy; Foana avokoa ny fiarovana ahy; Tsy misy miahy ny fanahiko. **5** Mitaraina aminao aho, Jehovah ô; Hoy izaho: Hianao no aroko Sy anjarako eo amin' ny tanin' ny velona. **6** Henoy ny fitarainako, Fa reraka indrindra aho; Vonjeo aho amin' ny mpanenjika ahy, Fa tsy leoko ireny. **7** Avoahy hiala amin' ny tranomaizina ny fanahiko, Mba hiderako ny anaranao; Hanodidina ahy ny marina, Satria manisy soa ahy Hianao.

143 Salamo nataon' i Davida. **2** Ary aza dia mifandahatra amin' ny mpanomponao eo ampitsarana; Fa tsy misy olombelona ho marina eo anatrehanao. **3** Fa nanenjika ny fanahiko ny fahavalo; Namely ny aiko ho lavo tamin' ny tany izy: Nampitoeriny tao amin' ny maizina aho, toy izay efa maty ela. **4** Dia reraka ny fanahiko ato anatiko; Fadiranovana ny foko ato anatiko. **5** Mahatsiaro ny andro fahiny ho Ary misaina ny asanao rehetra; Ny asan' ny tananao no eritreretiko. **6** Mananty tanana aminao aho; Ny fanahiko dia tahaka ny tany mangetana eo anatrehanao. (Sela) **7** Faingàna hamaly ahy, Jehovah ô, fa reraka ny fanahiko; Aza manafina ny tavanao amiko, Fandrao ho tahaka izay midìna any ampasana aho. **8** Ampandreneso ny famindram-ponao aho nony maraina, Fa Hianao no itokiako; Ampahalalao ahy izay lalana tokony halehako, Fa aminao no ananganako ny fanahiko. **9** Jehovah ô, vonjeo amin' ny fa-havaloko aho; Ao aminao no iereko. **10** Ampianaro hanao ny sitraponao aho; Fa Hianao no Andriamanitro; Aoka ny Fanahinao tsara no hitarihanao ahy amin' izay tany marina. **11** Noho ny anaranao, Jehovah ô, velomy aho; Araka ny fahamarinanao avoahy ny fanahiko ho afaka amin' ny fahoriana. **12** Ary araka ny famindram-ponao fongory ny fahavaloko, Ka aringano izay rehetra mampahory ny fanahiko; Fa mpanomponao aho.

144 Nataon' i Davida. **2** Izay Mpiantra sy batery fiarovana ho ahy sady fiarovana avo sy Mpanafaka ahy, Ary ampingako sy fialofako, Izay mahafolaka ny vahoakako hanoa ahy **3** Jehovah ô, inona ny olona, no iahianao azy? Ary ny zanak' olombelona, no iheveranao azy? **4** Ny olona dia tahaka ny zava-poana, Ny androny dia tahaka ny aloka mihelina. **5** Jehovah ô, aondreho ny lanitrao, ka midìna; Tendreo ny tendrombohitra, dia hidonaka ireny. **6** Ampitselatselaro ny helatra, ka ampielezo ireo; Alefao ny zana-tsipìkanao, ka ampifanaritaho ireo; **7** Ahinjiro avy any ambony ny tananao; Afaho aho, ka vonjeo amin' ny rano be, Dia amin' ny tanan' ny hafa firenena, **8** Izay miteny zava-poana amin' ny vavany, Ary ny tànany ankavanana dia tanana ankavanana mamitaka. **9** Andriamanitra ô, hihira fihiram-baovao ho Anao aho; Amin' ny valiha tory folo no hankalazako Anao, **10** Izay manome famonjena ho an' ireo mpanjaka, Sady mamonjy an' i Davida mpanompony tsy ho voan' ny sabatra mandratra. **11** Afaho aho, ka vonjeo amin' ny tanan' ny hafa firenena, Izay miteny zava-poana amin' ny vavany, Ary ny tànany ankavanana dia tanana ankavanana mamitaka; **12** Mba ho tahaka ny zava-maniry maroroka ny zanakai-lahy, Ary ho tahaka ny vato fehizoro voasoratra tsara toy ny fomban' ny lapan' andriana ny zanakai-vavy. **13** Ho feno ny trano fitehirizanay, ka hisy vokatra betsaka samy hafa karazana; Hiteraka arivoarivo sy alinalina ny ondrinay any an-tsahanay; **14** Hahazaka be ny ombinay, Ary tsy hisy ho rava, na ho lasan-ko babo, Sady tsy hisy fitarainana any an-dalambenay. **15** Sambatra ny firenena izay tahaka izany; Eny, sambatra ny firenena izay manana an' i Jehovah ho Andriamaniny.

145 Fideran' i Davida. **2** Hankalaza Anao isan' andro aho sy hidera ny anaranao mandrakizay doria. **3** Lehibe Jehovah ka tokony hoderaina indrindra; Ary tsy takatry ny saina ny fahalehibiazany. **4** Ny taranaka rehetra samy hidera ny asanao amin' izay mandimby azy Sy hanambara ny asanao lehibe. **5** Ny lazan' ny voninahitry ny fiandrianan ao Sy ny asanao mahagaga no hosaintsainiko. **6** Ny herin' ny asanao mahatahotra no hotenenin' ny olona; Ary ny fahalehibiazanao no holazaiko. **7** Hanonona ny fahatsiarovana ny haben' ny fahatsaranao izy Sy hihoby ny fahamarinanao. **8** Mamindra fo sy miantra Jehovah; Mahari-po sady be famindram-po Izy. **9** Manisy soa izao tontolo izao Jehovah; Ary ny fiantràny dia eny amin' ny asany rehetra. **10** Jehovah ô, midera Anao ny asanao rehetra; Ary ny olonao masìna misaotra Anao. **11** Milaza ny voninahitry ny fanjakanao izy Sady miresaka ny herinao, **12** Mba hampahafantarina ny zanak' olombelona ny herinao Sy ny haben' ny voninahitry ny fanjakanao. **13** Fanjakana mandrakizay ny fanjakanao, Ary hitatra amin' ny taranaka fara mandimby ny fanapahanao. **14** Jehovah manohana izay rehetra efa ho lavo Sy mampitraka izay rehetra mitanondrika. **15** Ny mason' izao rehetra izao miandrandra Anao, Ary Hianao manome azy ny haniny amin' ny fotoany. **16** Manokatra ny tananao Hianao Ka mahavoky soa ny zava-miaina rehetra. **17** Marina Jehovah amin' ny lalany rehetra, Sady mamindra fo amin' ny asany rehetra. **18** Jehovah dia eo akaikin' izay rehetra miantso Azy, Dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa. **19** Hanefa ny irin' izay matahotra Azy Izy Ary hihaino ny fitarainany ka hamonjy azy. **20** Miaro izay rehetra tia Azy Jehovah; Fa ny ratsy fanahy rehetra kosa haringany. **21** Ny fiderana an' i Jehovah no hotenenin' ny vavako; Ary aoka ny nofo rehetra hankalaza ny anarany masìna mandrakizay doria.

146 Haleloia. Miderà an' i Jehovah, ry fanahiko. **2** Hidera an' i Jehovah aho, raha mbola miaina koa; Eny, hankalaza an' Andriamanitra aho, raha mbola velona koa. **3** Aza matoky ny lehibe, Na ny zanak' olombelona izay tsy mahavonjy. **4** Miala ny fofonainy, ka miverina ho amin' ny taniny izy; Ary amin' izay indrindra no hahafoanan' ny fikasany. **5** Sambatra izay manana an' Andriamanitr' i Jakoba ho Mpanampy azy Sady manantena an' i Jehovah Andriamaniny, **6** Izay nanao ny lanitra sy ny tany, Ny ranomasina sy izay rehetra ao anatiny, Izay mitandrina fahamarinana mandrakizay, **7** Izay manome rariny ho an' ny ampahoriana, Izay manome hanina ho an' ny noana. Jehovah mamaha ny mpifatotra; **8** Jehovah mampahiratra ny jamba Jehovah mampitraka ny mitanondrika; Jehovah tia ny marina; **9** Jehovah miaro ny vahiny Ary manandratra ny kamboty sy ny mpitondratena, Fa mamadika ny lalan' ny ratsy fanahy kosa. **10** Manjaka mandrakizay Jehovah, Hatramin' ny taranaka fara mandimby Andriamanitrao, ry Ziona. Haleloia.

147 Haleloia; Fa tsara ny mihira ho an' Andriamanitsika; Eny, mamy sady mendrika ny fiderana. **2** Manangana an' i Jerosalema Jehovah; Mamory ny Isiraely voaroaka Izy. **3** Mahasitrana ny torotoro fo Izy Sy mamehy ny feriny. **4** Milaza ny isan' ny kintana Izy: Samy tononiny amin' ny anarany ireny rehetra ireny. **5** Lehibe ny Tompontsika sady be hery; Tsy hita lany ny fahalalany. **6** Manandratra ny mpandefitra Jehovah, Fa mampietry ny ratsy fanahy hatramin' ny tany. **7** Mihirà fiderana ho an' i Jehovah; Mankalazà an' Andriamanitsika amin' ny lokanga, **8** Izay manaron-drahona ny lanitra, Izay mamboatra ranonorana ho amin' ny tany, Izay mampaniry ahitra ny tendrombohitra, **9** Manome hanina ho an' ny biby Izy Sy ho an' ny zana-goaika izay mitaraina. **10** Tsy ny herin' ny soavaly no mahafinaritra Azy, Ary tsy ny tongotry ny olona no sitrany. **11** Jehovah mankasitraka izay matahotra Azy, Dia izay manantena ny famindram-pony. **12** Mankalazà an' i Jehovah, ry Jerosalema ô; Miderà an' Andriamanitrao, ry Ziona ô. **13** Fa manamafy ny hidim-bavahadinao Izy, Sady mitahy ny zanakao eo afovoanao. **14** Mahatonga ny fari-taninao ho fiadanana Izy; Vokisany vary tsara indrindra ianao. **15** Mampandeha ny didiny ho amin' ny tany Izy; Miely faingana dia faingana ny teniny. **16** Mandatsaka oram-panala tahaka ny landihazo Izy; Mampiely fanala tahaka ny lavenona Izy. **17** Mandatsaka ny havandrany ta-haka ny sombintsombin-javatra Izy; Iza no maharitra ny hatsiakany? **18** Mamoaka ny teniny Izy ka mampiempo ireny; Mampifofofofo ny rivony Izy, dia mandriaka ny rano. **19** Milaza ny teniny amin' i Jakoba Izy Ary ny didiny sy ny fitsipiny amin' Isiraely. **20**

Tsy nanao toy izany tamin' izay firenena hafa Izy; Ary ny fitsipiny tsy mba fantatr' ireny. Haleloia.

148 Haleloia. Miderà an' i Jehovah, ry any an-danitra; Miderà Azy any ambony. **2** Miderà Azy, ry anjeliny rehetra; Miderà Azy, ry miaramilany rehetra. **3** Miderà Azy, ry masoandro amam-bolana; Miderà Azy, ry kintana mazava rehetra. **4** Miderà Azy, ry lanitry ny lanitra, Ary ianareo rano ambonin' ny lanitra. **5** Aoka hidera ny anaran' i Jehovah ireo; Fa Izy no nandidy, dia ary ireo. **6** Nampitoetra ireo ho mandrakizay doria Izy; Nomen-dalàna ireo ka tsy mba mihoatra. **7** Midera an' i Jehovah etỳ an-tany, Hianareo dragona sy ianareo rano lalina rehetra, **8** Ny afo sy ny havandra, ny oram-panala sy ny zavona, Ny rivotra mahery izay mankatò ny teniny, **9** Ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra, Ny hazo fihinam-boa sy ny sedera rehetra, **10** Ny bibi-dia sy ny biby fiompy rehetra, Ny biby mandady na mikisaka ary ny voro-manidina, **11** Ny mpanjaka amin' ny tany sy ny vahoaka rehetra, Ny mpanapaka sy ny mpitsara rehetra amin' ny tany, **12** Na ny zatovolahy, na ny zatovovavy, Na ny antitra, na ny tanora, **13** Samia midera ny anaran' i Jehovah avokoa, Fa ny anarany ihany no misandratra; Ambonin' ny tany sy ny lanitra ny voninahiny. **14** Ary manandratra tandroka ho an' ny olony Izy, Dia fiderana ho an' ny olony masìna rehetra, Eny, ho an' ny Zanak' Isiraely, firenena akaiky Azy. Haleloia.

149 Haleloia. Mihirà fihiram-baovao ho an' i Jehovah, Ny fiderana Azy eo amin' ny fiangonan' ny olona masìna. **2** Aoka ny Isiraely hifaly amin' ny Mpanao azy; Aoka ho finaritra amin' ny Mpanjakany ny zanak' i Ziona. **3** Aoka hidera ny anarany amin' ny dihy izy Sy hankalaza Azy amin' ny ampongatapaka sy ny lokanga. **4** Fa sitrak' i Jehovah ny olony; Ravahany famonjena ny mpandefitra. **5** Aoka ny olona masìna hifaly amin' ny voninahitra; Aoka hihoby tsara eo am-pandriany izy. **6** Aoka hisy fanandratana an' Andriamanitra eo am-bavany Sy sabatra roa lela eny an-tànany, **7** Hamaliany ny Jentilisa Sy hamaizany ny firenena maro, **8** Hamatorany ireo mpanjakany amin' ny gadra, Sy ny olo-malazany amin' ny gadra vy. **9** Mba hanaovany ny fitsarana voasoratra: Voninahitry ny olony masìna rehetra Izany. Haleloia.

150 Haleloia. Miderà an' Andriamanitra eo amin' ny fitoerany masìna. Miderà Azy eo amin' ny habakabaky ny heriny. **2** Midera Azy noho ny asany lehibe; Miderà Azy araka ny haben' ny voninahiny. **3** Miderà Azy amin' ny fitsofana ny anjomara; Miderà Azy amin' ny valiha sy ny lokanga. **4** Miderà Azy amin' ny ampongatapaka sy ny dihy; Miderà Azy amin' ny zava-maneno tendrena sy ny sodina. **5** Miderà Azy amin' ny kipantsona maneno; Miderà Azy amin' ny kipantsona tsara feo. **6** Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an' i Jehovah. Haleloia.

Ohabolana

1 Ny Ohabolan' i Solomona, zanak' i Davida, mpanjakan' ny Isiraely: **2** Hahalalana fahendrena sy fananarana, Ary hahafantarana ny tenin' ny fahalalana; **3** Hahazoana fananarana mampahahendry, Dia fahamarinana sy rariny ary fahitsiana; **4** Hanomezam-pahendrena ho an' ny kely saina, Ary fahalalana sy fisainana mazava ho an' ny zatovo. **5** Aoka ny hendry hihaino ka hitombo saina; Ary aoka ny manam-panahy hahazo fitarihana tsara; **6** Hahafantarana ohabolana sy fanoharana, Ary ny tenin' ny hendry sy ny teny saro-pantarina ataony. **7** Ny fahatahorana an' i Jehovah no fiandoham-pahalalana; Fa ny adala manamavo ny fahendrena sy ny famaizana. Fananarana tsy hikambana amin' ny mpanao ratsy. **8** Anaka, mihainoa ny anadrainao, Ary aza mahafoy ny lalàn-dreninao; **9** Fa fehiloha tsara tarehy amin' ny lohanao izany, Ary rado amin' ny vozonao. **10** Anaka, raha taomin' ny mpanota ianao, Aza manaiky. **11** Raha hoy izy: Andeha hiaraka isika, Aoka isika hanotrika handatsa-drà; Andeha hamitsahantsika tsy ahoan-tsy ahoana ny tsy manan-tsiny; **12** Aoka isika hitelina azy velona tahaka ny fitelin' ny fiainan-tsi-hita Ary hanao azy teli-moka toy ny latsaka any an-davaka; **(Sheol h7585)** **13** Dia ho azontsika ny fananana sarobidy rehetra, Ka hofenointsika babo ny tranontsika; **14** Avia mba hiara-miloka eto aminay; Aoka ho iray ihany ny kitapombolantsika rehetra: **15** Anaka, aza miara-dalana aminy ianao; Arovy ny tongotrao tsy hankamin' ny alehany; **16** Fa ny tongony mihazakazaka ho amin' ny ratsy Sady faingana handatsa-drà. **17** Fa velarim-poana ny fandrika, Raha hitan' ny vorona. **18** Fa ireny dia manotrika handatsaka ny ran' ny tenany ihany; Mamitsaka hahafaty ny tenany ihany izy. **19** Toy izany no iafaran' izay rehetra fatra-pila harena; Fa hipaoka ny ain' izay fatra-pila azy izany. **20** Ny fahendrena miantso mafy eny ivelany; Manandratra ny feony eny ankalalahana izy; **21** Mitory ao amin' izay fivorian' ny maro be mireondreona izy; Eo anoloan' ny vavahady sy ao antanàna no ilazany ny teniny hoe: **22** Ry kely saina, mandrapahoviana no hitiavanareo ny fahadalana, Sy hifalian' ny mpaniratsira amin' ny faniratsirana, Ary hankahalan' ny adala ny fahalalana? **23** Miverena ianareo hihaino ny fananarako; Indro, haidiko aminareo ny fanahiko, Ary hampahafantariko anareo ny teniko. **24** Satria efa niantso Aho, fa nandà ianareo; Efa naninjitra ny tanako Aho, fa tsy nisy nitandrina; **25** Fa nolavinareo ny saina rehetra natolotro, Sady tsy nety nanaiky ny anatro ianareo: **26** Izaho kosa hihomehy, raha tonga ny fandringanana anareo; Handatsa Aho, raha tonga ny mahatahotra anareo. **27** Raha tonga ny zava-mahatahotra anareo tahaka ny rivodoza Ary ny fandringanana anareo toy ny tadio, Ka manjo anareo ny fahoriana sy ny fangirifiriana, **28** Dia vao hiantso Ahy izy, fa tsy hamaly Aho; Dia vao hitady Ahy fatratra izy, fa tsy ho hitany Aho. **29** Satria nankahala ny fahalalana izy Ary tsy nifidy ny fahatahorana an' i Jehovah, **30** Tsy nekeny ny saina natolotro, Notsiratsirainy avokoa ny anatro rehetra, **31** Dia hihinana ny vokatry ny alehany izy Ka ho voky ny fihendreny. **32** Fa ny fihemoran' ny kely saina hahafaty azy, Ary ny fiadanan' ny adala handringana azy. **33** Fa izay mihaino Ahy kosa hitoetra tsy manana ahiahy, Eny, handry fahizay izy ka tsy hatahotra ny ratsy.

2 Anaka, raha raisinao ny teniko, Ary raketinao ao amponao ny didiko, **2** Ka atongilanao amin' ny fahendrena ny sofinao, Ary ampitandremanao fahalalana ny fonao; **3** Eny, raha miantso ny fahalalana ianao Ary manandratra ny feonao hahazo saina, **4** Raha mitady azy toy ny fitady volafotsy ianao Ary mikatsaka azy toy ny fikatsaka harena afenina: **5** Dia ho fantatrao marina ny fahatahorana an' i Jehovah, Ary ho hitanao ny fahalalana an' Andriamanitra. **6** Fa Jehovah no manome fahendrena; Avy amin' ny vavany no ihavian' ny fahalalana sy ny fahazavan-tsaina. **7** Izy mitahiry fanambinanaho an' ny mahitsy Sady ampingan' izay mandeha tsy misy tsiny; **8** Ka dia mitandrina ny lalan' ny fahamarinana Izy Ary miambina ny lalan' ny olony masìna. **9** Ary amin' izay dia ho fantatrao ny fahamarinana sy ny rariny Ary ny hitsiny, dia ny lalana tsara rehetra. **10** Raha latsaka ao am-ponao ny fahendrena, Ary mamin' ny fanahinao ny fahalalana, **11** Dia hiaro anao ny fisainana mazava, Ary hiambina anao ny fahalalana, **12** Ka hamonjy anao amin' ny lalan-dratsy Sy amin' ny lehilahy izay miteny fitaka, **13** Izay mahafoy ny lalan' ny fahamarinana Mba hizorany amin' ny lalan' ny fahamaizinana, **14** Dia izay faly hanao ratsy Sy finaritra amin' ny fitaky ny ratsy, **15** Dia izay melo-dalana Sy maniasia amin' ny alehany; **16** Ary hamonjy anao amin' ny vehivavy jejo koa izany, Dia amin' ny vahiny janga izay mandrobo amin' ny teniny, **17** Izay mahafoy ny vadin' ny fahatanorany Sy manadino ny fanekeny teo amin' Andriamaniny. **18** Fa ny tranony milentika ho amin' ny fahafatesana, Ary ny alehany mankany amin' ny maty. **19** Tsy misy afa-miverina izay mankany aminy, Na mihazo amin' ny lalan' aina, **20** Handehananao amin' ny lalan' ny tsara fanahy Sy hitandremanao ny alehan' ny marina. **21** Fa ny olona mahitsy no honina amin' ny tany, Ary ny tsy manan-tsiny ihany no ho sisa mitoetra ao; **22** Fa ny ratsy fanahy kosa hofongorana amin' ny tany, Ary ny mpivadika hongotana.

3 Anaka, aza manadino ny lalàko; Fa aoka ny fonao hitandrina ny didiko; **2** Fa andro maro sy taona ela iainana Ary fiadanana no hanampiny ho anao. **3** Aoka tsy handao anao ny famindram-po sy ny fahamarinana; Afehezo eo am-bozonao izany, Ary soraty ao amin' ny fonao tahaka ny amin' ny vato fisaka, **4** Ka dia hahazo fitia sy fahalalana tsara Eo anatrehan' Andriamanitra sy ny olona ianao. **5** Matokia an' i Jehovah amin' ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin' ny fahalalanao; **6** Maneke Azy amin' ny alehanao rehetra, Fa Izy handamina ny lalanao, **7** Aza manao anao ho hendry; Matahora an' i Jehovah, ka mifadia ny ratsy. **8** Dia ho famelombelomana ny nofonao izany Sy ho fanamandoana ny taolanao. **9** Mankalazà an' i Jehovah amin' ny fanananao Sy amin' izay voalohambokatrao rehetra; **10** Ka dia ho feno mitafotafo ny fitoerambarinao, Ary hihoatra ny ranom-boaloboka eo amin' ny vata fanantazanao. **11** Anaka, aza manamavo ny famaizan' i

Jehovah, Ary aza tofoka amin' ny fananarany; **12** Fa izay tian' i Jehovah no anariny, Dia tahaka ny ataon' ny ray amin' ny zanaka tiany. **13** Sambatra izay olona mahita fahendrena Sy izay olona mahazo fahalalana. **14** Fa ny fandrantoana azy dia tsara noho ny fandrantoana volafotsy, Ary ny tombom-barotra aminy dia mihoatra noho ny volamena tsara. **15** Sarobidy noho ny voahangy izy; Ary izay rehetra irinao tsy misy azo ampitahaina aminy. **16** Fa andro maro no eo an-tànany ankavanana; Ary harena sy voninahitra no eo an-tànany ankavia. **17** Làlana mahafinaritra ny lalany, Ary fiadanana ny alehany rehetra. **18** Hazon' aina ho an' izay rehetra mifikitra aminy izy; Ary izay rehetra mitana azy no hatao hoe sambatra. **19** Fahendrena no nanorenan' i Jehovah ny tany, Ary fahalalana no nampitoerany ny lanitra. **20** Ny fahalalany no entiny mampiboiboika ny rano any amin' ny lalina Sy ampitetevany ando avy amin' ny rahona. **21** Anaka, aoka tsy hiala amin' ny masonao izany; Raketo ny tena fahendrena sy ny fisainana mazava, **22** Ka dia ho ain' ny fanahinao izany Ary ho firavaky ny vozonao, **23** Dia handroso aman-toky ianao, Ka tsy ho tafintohina ny tongotrao. **24** Tsy hatahotra ianao, raha mandry; Eny, handry ianao, ary ho mamy ny torimasonao. **25** Aza manahy ny tahotra avy tampoka, Na ny rivo-doza mamely ny ratsy fanahy, raha avy izany; **26** Fa Jehovah no ho tokinao Ka hiambina ny tongotrao tsy ho voafandrika. **27** Aza mamihina ny soa amin' izay tokony homena azy, Raha azon' ny tananao atao ihany; **28** Aza manao amin' ny namanao hoe: Mandehana, ka avia indray, fa rahampitso no homeko; Kanefa manana ihany ianao. **29** Aza mamorona sain-dratsy ho enti-mamely ny namanao, Saingy mitoetra matoky eo aminao izy. **30** Aza miady amin' olona foana, Raha tsy mbola nanisy ratsy anao izy. **31** Aza mialona ny olon-dozabe, Na mifidy izay lalany akory, **32** Satria fahavetavetana eo imason' i Jehovah ny maniasia, Fa ao amin' ny marina kosa ny fisakaizany. **33** Ny ozon' i Jehovah dia ao an-tranon' ny ratsy fanahy; Fa ny fonenan' ny marina dia tahìny kosa. **34** Na dia tsiratsirainy aza ny mpaniratsira, Dia omeny fahasoavana kosa ny mpandefitra. **35** Ny hendry handova voninahitra; Fa henatra kosa no ho anjaran' ny adala.

4 Ry zanaka, henoy ny anatry ny ray, Ary tandremo mba hahazoanareo ny fahalalana tsara. **2** Fa anatra tsara no omeko anareo; Aza mahafoy ny lalàko. **3** Fa zanak' ikaky aho, Sady tiana no hany malala teo imason' ineny. **4** Ary nampianatra ahy izy ka nanao tamiko hoe: Aoka ny fonao hitana ny teniko; Tandremo ny didiko, dia ho velona ianao. **5** Mahazoa fahendrena, mahazoa fahalalana; Fa aza hadinoina na ihemorana ny teny aloaky ny vavako. **6** Aza mahafoy azy, fa hiaro anao izy; Tiavo izy, dia hitandrina anao. **7** Ny voaloham-pahendrena dia izao: Mahazoa fahendrena; Eny, lanio ny fananànao rehetra hamidy fahalalana tsara. **8** Asandrato izy, dia hanandratra anao kosa Eny, hanome voninahitra anao izy, raha tananao. **9** Dia hasiany fehiloha mahafinaritra ny lohanao; Eny, satro-boninahitra tsara tarehy no homeny anao. **10** Anaka, mihainoa, ka raiso ny teniko; Dia hihamaro ny taona hiainanao. **11** Làlam-pahendrena no atoroko anao: Eny, mitarika anao amin' ny lalana mahitsy aho. **12** Raha mandeha ianao, dia tsy ho etỳ ny lalanao; Ary raha mihazakazaka ianao, dia tsy ho tafintohina. **13** Tano mafy ny fananarana, ka aza avela hiala; Hazony izy, fa ainao. **14** Aza mankany amin' ny alehan' ny ratsy fanahy, Ary aza mizotra amin' ny lalan' ny ratsy. **15** Manalavira azy; aza mandalo eo akory; Mivilia azy, ka mizora. **16** Fa tsy matory ireny, raha tsy efa nanao ratsy; Ary tsy mahita torimaso izy, raha tsy efa nanafintohina ny sasany. **17** Fa mihinana ny mofon' ny faharatsiana izy, Sy misotro ny divain' ny fahalozàna. **18** Fa ny lalan' ny marina dia toy ny fipoak' andro maraina, Izay mihamazava mandra-pitataovovonan' ny andro. **19** Ny alehan' ny ratsy fanahy dia toy ny aizim-pito; Tsy fantany akory izay manafintohina azy. **20** Anaka, tandremo ny teniko; Atongilano ny sofinao hihaino ny filazako. **21** Aza avela hiala eo imasonao izy, Fa raketo ao am-ponao. **22** Fa aina ho an' ny mahazo azy izy Ary fahasalamana ho an' ny nofony rehetra. **23** Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana; Fa avy ao aminy no ihavian' ny aina. **24** Esory aminao ny vava mandainga, Ary ampanalaviro anao ny molotra mamitaka. **25** Aoka ny masonao hijery mahitsy, Ary ny hodimasonao hibanjina eo anoloanao. **26** Ataovy marina ny alehan' ny tongotrao, Dia ho voalamina ny alehanao rehetra; **27** Aza mivily, na ho amin' ny ankavanana, na ho amin' ny ankavia; Esory amin' ny ratsy ny tongotrao.

5 Anaka, tandremo ny fahendreko, Ary atongilano ny sofinao ho amin' ny fahalalako, **2** Hiheveranao tsara ny fisainana mazava Sy hitandreman' ny molotrao ny fahalalana. **3** Fa ny molotry ny vehivavy jejo dia mitete toy ny tantely avy amin' ny tohotra, Ary ny vavany dia malama noho ny diloilo; **4** Nefa ny farany mangidy tahaka ny hazo mahafaty Ary maranitra hoatra ny sabatra roa lela. **5** Ny tongony midìna ho any amin' ny fahafatesana, Ary ny diany mizotra ho any amin' ny fiainan-tsi-hita. **(Sheol h7585)** **6** Tsy mahazo mandia ny lalan' aina mihitsy izy, Fa manjenjena, ka tsy fantany akory izay halehany. **7** Koa mihainoa ahy, ry zanaka, Ary aza miala amin' ny teny aloaky ny vavako. **8** Ampanalaviro azy ny alehanao, Ary aza manakaiky ny varavaran' ny tranony; **9** Fandrao omenao ho an' ny sasany ny voninahitrao, Ary ny taonanao ho an' izay lozabe; **10** Fandrao hivokisan' ny vahiny ny fananànao; Ary izay nisasaranao ho tonga ao an-tranon' ny vahiny; **11** Ka dia hitoloko ianao any am-parany, Raha mihalevona ny nofonao sy ny tenanao; **12** Dia hanao hoe ianao: Nahoana re no nankahala famaizana aho? Ary nahoana no naniratsira fanaranana ny foko, **13** Ka tsy nihaino ny tenin' ny mpanoro hevitra ahy, Ary tsy nanongilana ny sofiko hihaino ny mpampianatra ahy? **14** Efa saiky azon' ny ratsy rehetra aho Tao amin' ny fiangonana sy ny fivoriana. **15** Misotroa rano avy amin' ny lavaka famorian-dranonao ihany Sy rano miboiboika avy amin' ny fantsakanao. **16** Hipasaka eny ivelany va ny rano avy amin' ny loharanonao, Ary eny an-dalambe ny rano velonao? **17** Aoka ho anao irery ihany izany, Fa aza iombonana amin' ny hafa. **18**

Aoka hotahina ny loharanonao, Ary mifalia amin' ny vadin' ny fahatanoranao. **19** Fa dieravavy mahate-ho-tia sy osi-dia tsara bika izy, Dia aoka ny tratrany no hahafeno fifaliana anao mandrakariva, Ary aoka ho feno faharavoravoana lalandava amin' ny fitiavany ianao. **20** Nahoana ianao, anaka, no ho renoka amin' ny fitiavana vehivavy jejo Ka hanohona ny tratran' ny vahiny janga? **21** Fa eo imason' i Jehovah ny alehan' ny olona, Ary ny diany rehetra dia dinihiny avokoa. **22** Ny heloky ny ratsy fanahy dia mahazo ny tenany ihany, Ary ny kofehin' ny fahotany no itanana azy **23** Maty noho ny tsi-fahazoany famaizana izy, Eny, mikorapaka noho ny haben' ny fahadalany.

6 Anaka, raha niantoka ny namanao ianao Ary nandray tanana hiantoka ny hafa, **2** Ka voafandriky ny teny naloaky ny vavanao ianao Sady voasingotry ny teny naloaky ny vavanao, **3** Dia izao no ataovy, anaka, ka afaho ny tenanao (Satria efa mby eo an-tanan' ny namanao ianao): Andeha mihohoka sy mifona mafy amin' ny namanao. **4** Aza avela hatory akory ny masonao, Ary aza avela hilondolondo ny hodimasonao. **5** Afaho ny tenanao toy ny gazela miala amin' izay mihazona azy, Ary toy ny voron-kely miala amin' ny tanan' ny mpamandrika. **6** Mandehana any amin' ny vitsika, ry ilay malaina; Diniho ny fanaony, ka mba hendre; **7** Tsy manana komandy ireny, Na mpifehy, na mpanapaka, **8** Nefa mamory ny haniny raha fahavaratra izy, Ary manangona ny fihinany amin' ny fararano. **9** Mandra-pahoviana no mbola handry ihany ianao, ry ilay malaina? Rahoviana no hifoha amin' ny torimasonao ianao? **10** Mbola hatory kely ihany, mbola ho renoka kely ihany, Ary mbola hanohon-tanana kely hatory, **11** Dia ho tonga toy ny lehilahy mimaona hamely ny alahelonao, Ary ny fahantranao ho toy ny jiolahy. **12** Ny olona tena ratsy fanahy sy mpanao ratsy Dia ilay mandehandeha manao vava ratsy, **13** Izay mami-maso sy manao famantarana amin' ny tongony Ary manao baiko amin' ny rantsan-tànany; **14** Fahafetsena no ao am-pony, Mihevi-dratsy mandrakariva izy Sady mamafy ady. **15** Ary noho izany dia ho avy tampoka kosa ny loza hanjo azy; Ho torotoro tampoka izy, ka tsy hisy fahasitranana. **16** Izao enina izao no halan' i Jehovah, Eny, fito no ataony ho fahavetavetana: **17** Ny maso miavonavona, ny lela fandainga, Ary ny tanana mandatsa-drà marina, **18** Ny fo mamoron-tsain-dratsy, Ny tongotra malaky mihazakazaka hanao ratsy, **19** Ny mamoaka lainga ho vavolombelona tsy marina, Ary ny mamafy ady ao amin' ny rahalahy. **20** Anaka, tandremo ny didin-drainao, Ary aza mahafoy ny lalàn-dreninao. **21** Afatory amin' ny fonao mandrakariva ireo, Ary afehezo eo am-bozonao, **22** Raha mandeha ianao, dia hitari-dalana anao ireo; Raha mandry ianao, dia hiambina anao; Ary raha mifoha ianao, dia hamelona eritreritra anao. **23** Fa jiro ny didy, ary fanazavana ny lalàna, Ary lalan' aina ny anatra famaizana, **24** Hiarovana anao amin' ny vehivavy ratsy fanahy, Ary amin' ny fandroboan' ny lelan' ny vahiny janga. **25** Aoka ny fonao tsy haniry ny hatsaran-tarehiny; Ary aoka tsy hahazo anao amin' ny hodimasony izy. **26** Fa noho ny vehivavy mpijangajanga no mila tsy hananan' ny lehilahy sombi-mofo, Ary ny amin' ny vadin' ny olona no mihaza ny aina soa. **27** Mahatondra afo ao an-tratran' akanjony va ny olona, Ka tsy ho may ny akanjony? **28** Misy mahadia vain' afo va, Ka tsy ho may ny tongony? **29** Dia toy izany izay mankamin' ny vadin' ny namany; Tsy maintsy hampijalina izay mikasika azy. **30** Tsy avelan' ny olona ho afa-maina ny mpangalatra, Raha maka zavatra hahavoky ny tenany izy, na dia noana aza; **31** Fa raha azo izy, dia hampanoneriny fito heny Ka hanome ny fananana rehetra ao an-tranony. **32** Izay mijangajanga amin' ny vehivavy dia tsy ampy saina; Izay ta-hanimba tena no manao izany. **33** Voakapoka sy afa-baraka izy Ary tsy ho afaka amin' ny tondro-molotra. **34** Fa ny fahasaro-piaro dia mampirehitra ny fahatezeran-dehilahy, Koa tsy hamindra fo izy amin' ny andro hamaliany. **35** Tsy handray vola ho enti-manalady akory izy, Ary tsy hety, na dia omenao fanambatambazana be aza.

7 Anaka, tandremo ny teniko, Ary raketo ao aminao ny didiko. **2** Tandremo ny didiko, dia ho velona ianao; Ary tandremo toy ny anakandriamasonao ny lalàko. **3** Afehezo eo amin' ny rantsan-tananao izy, Soraty ao amin' ny fonao tahaka ny amin' ny vato fisaka izy. **4** Ny fahendrena dia ilazao hoe: Anabaviko ianao; Ary ny fahafantarana dia antsoy hoe: Sakaiza mahazatra ianao; **5** Mba hiarovana anao amin' ny vehivavy jejo, Dia amin' ny vahiny janga izay manao teny mandrobo. **6** Fa teo amin' ny varavarankelin' ny tranoko, Dia teo amin' ny makarakara, no nitsirihako, **7** Ka nahita anankiray tamin' ny kely saina aho, Eny, nandinika ny tovolahy aho ka nahita zazalahy anankiray tsy ampy saina, **8** Izay nandeha tamin' ny lalana akaikin' ny zoron-tranon' ny vehivavy janga Sy nizotra nankany an-tranony, **9** Nony takariva ilay somambisamby iny Sy tamin' ny alina efa maizina dia maizina. **10** Dia, indro, nisy vehivavy nitsena azy Sady manao fitafin' ny janga no mifetsy am-po, **11** Sady vavàna no maditra, Tsy mahajanona ao an-tranony ny tongony; **12** Fa vetivety mby eny an-dalam-be izy, ary vetivety mby eny an-tsena, Ary mamitsaka eny an-joron-trano rehetra eny izy. **13** Ka dia nisavika ilay tovolahy izy ka nanoroka azy Sady nisolantsolana taminy ka nilaza hoe: **14** Efa nivoady hanatitra fanati-pihavanana aho; Ary androany no nanefako ny voadiko. **15** Koa dia nivoaka hitsena anao aho, Mba hitady fatratra ny tarehinao, ka dia nahita anao tokoa. **16** Ny fandriako efa nasiako firakotra tsara, Dia lambam-pandriana misoratsoratra voafoly hatrany Egypta. **17** Efa norarahako zava-manitra ny fandriako, Dia miora sy hazomanitra ary havozo manitra. **18** Andeha, aoka isika hivoky fitia ambara-pahamarain' ny andro, Aoka ho feno fahafinaretana amin' ny fitiavana isika. **19** Fa tsy ao an-trano ny lehilahy, Fa lasa nivahiny lavitra izy; **20** Ny kitampom-bola dia nentiny any an-tànany, Ka tsy mbola hody izy mandra-pahafenon' ny volana. **21** Tamin' ny teny maro no nampanekeny azy, Tamin' ny fandroboan' ny molony no nitaomany azy, **22** Ka dia nandeha nanaraka azy niaraka tamin' izay ilay zatovo, Tahaka ny omby entina hovonoina, Ary tahaka ny adala hogadrana, **23** Ambara-piboroaky ny lefom-pohy amin' ny atiny, Ary tahaka ny vorona mipaoka ny fandrika, Fa tsy fantany hahafaty ny ainy izany. **24** Koa

mihainoa ahy ianareo, anaka, Ary tandremo ny teny aloaky ny vavako. **25** Aoka tsy hivily ho any amin' ny lalany ny fonareo, Ary aza mania ho amin' ny alehany. **26** Fa betsaka no naripany ka maty; Ary maro be no efa matiny. **27** Ny tranony dia lalana mankany amin' ny fiainan-tsi-hita, Eny, midìna ho any amin' ny efi-tranon' ny fahafatesana. **(Sheol h7585)**

8 Tsy miantso va ny fahendrena, Ary tsy manandra-peo va ny fahalalana? **2** Eo an-tampon' ny fitoerana avo amoron-dalana Sy eo an-tsampanan-dalana no ijoroany. **3** Eo anilan' ny vavahady, amin' ny fidirana ho ao an-tanàna, Sy eo anaty vavahady no iantsoany maty hoe: **4** Hianareo no antsoiko, ry olona; Ary ny feoko ho amin' ny zanak' olombelona. **5** Fantaro ny fahendrena, ry kely saina; Ary fantaro ny fahalalana, ry adala. **6** Henoy, fa hilaza zava-tsoa aho; Ary ny hilaza ny mahitsy no isokafan' ny molotro. **7** Fa ny marina ihany no holazain' ny vavako; Ary ny ratsy dia fahavetavetana, raha amin' ny molotro. **8** Marina ny teny rehetra aloaky ny vavako; Tsy misy fiolakolahana na fitaka ao aminy. **9** Miharihary avokoa izy, raha amin' ny mazava saina, Ary mahitsy, raha amin' ny efa nahazo fahalalana. **10** Aza ny volafotsy no raisina, fa ny anatro, Ary aleo ny fahalalana toy izay ny volamena voafantina. **11** Fa ny fahendrena dia tsara noho ny voahangy; Ary ny zavatra irina rehetra tsy azo ampitahaina aminy. **12** Izaho fahendrena dia miara-monina amin-tsaina, Ary hitan' ny fahalalako ny fisainana mazava. **13** Ny fankahalana ny ratsy no fahatahorana an' i Jehovah. Ny fiavonavonana sy ny fireharehana sy ny lalana ratsy Ary ny vava fandainga dia samy halako avokoa. **14** Ahy ny fisainana sy ny fanambinana; Izaho no fahalalana, izaho no manan-kery; **15** Izaho no anjakan' ny mpanjaka Sy andidian' ny mpanapaka araka ny rariny; **16** Izaho no anapahan' ny andriandahy sy ny lehibe, Dia ny mpitsara rehetra amin' ny tany. **17** Tiako izay tia ahy; Ary izay fatra-pitady ahy dia hahita ahy. **18** Ato amiko ny harena sy ny voninahitra, Eny, ny harena mateza sy ny fahamarinana. **19** Ny vokatro dia tsara noho ny volamena, eny, noho ny tena volamena aza, Ary ny fitomboan' ny hareko mihoatra noho ny volafotsy voafantina. **20** Amin' ny alehan' ny fahamarinana no izorako, Dia ao amin' ny lalan' ny fitsarana marina, **21** Mba hampandovako harena izay tia ahy, Sy hamenoako ny firaketany. **22** Jehovah nahary ahy ho fiandohan' ny alehany, Ho voalohany amin' ny asany hatramin' ny taloha. **23** Izaho notendreny hatramin' ny fahagola, Eny, hatramin' ny voalohany indrindra, dia fony tsy mbola ary ny tany. **24** Fony tsy mbola ary ny lalina, no efa teraka aho, Fony tsy mbola ary ny loharano miboiboika be, **25** Fony tsy mbola naorina ny tendrombohitra, Fony tsy mbola nisy havoana, no efa teraka aho, **26** Fony tsy mbola natao ny tany, na ny saha, Na ny voalohan' ny vovo-tany ambonin' izao rehetra izao. **27** Raha namorona ny lanitra Izy, dia tany aho, Raha namaritra ny hababakaka tambonin' ny lalina Izy, **28** Raha nampitoetra ny rahona eny ambony Izy, Raha niboiboika fatratra ny loharanon' ny lalina, **29** Raha nanisy faritra ho an' ny ranomasina Izy, Mba tsy hahazoan' ny rano mihoatra ny fetrany, Ary nandidy ny amin' ny fanorenan' ny tany, **30** Dia mpità-marika teo anilany aho Sady ravoravo isan' andro isan' andro Ka nilalao mandrakariva teo anatrehany; **31** Eny, nahafaly ahy ny tany nataony honenana, Ary naharavoravo ahy ny zanak' olombelona. **32** Koa mihainoa ahy ianareo, anaka; Fa sambatra izay manaraka ny diako; **33** Minoa anatra, ka hendre, Fa aza mandà. **34** Sambatra izay olona mihaino ahy Ka miari-tory mandrakariva eo am-bavahadiko, Ary miandry eo amin' ny tolam-baravarako. **35** Fa izay mahita ahy dia mahita fiainana Sady mahazo sitraka amin' i Jehovah; **36** Fa izay diso ahy kosa mampidi-doza amin' ny fanahiny; Ary izay rehetra mankahala ahy tia fahafatesana.

9 Ny fahendrena efa nanao ny tranony; Efa nipaika ny andriny fito izy; **2** Efa namono ny bibiny sy nangaroharo ny divainy izy Ary efa namelatra ny latabany koa; **3** Ary efa naniraka ny ankizivaviny izy; Miantso eny an-tampon' ny fitoerana avo any an-tanàna izy ka manao hoe: **4** Izay kely saina, dia aoka izy hankatỳ; Ary amin' izany tsy ampy saina dia hoy izy: **5** Avia, hano ny mofoko, Ary sotroy ny divay voaharoharoko. **6** Ilaozy ny kely saina, dia ho velona ianao, Ary mizora amin' ny lalan' ny fahalalana. **7** Izay mananatra ny mpaniratsira dia afa-baraka; Ary izay mananatra ny ratsy fanahy dia hahazo tsiny. **8** Aza mananatra ny mpaniratsira ianao, fandrao halany; Ny hendry no anaro, dia ho tiany ianao. **9** Toroy ny hendry, dia hihahendry izy; Ampianaro ny marina, dia hitombo saina izy. **10** Ny fahatahorana an' i Jehovah no fiandoham-pahendrena; Ary ny fahafantarana ny Iray Masìna no fahazavan-tsaina. **11** Fa izaho no hampitomboana ny andronao Sy hanamaroana ny taona hiainanao. **12** Raha hendry ianao, dia hendry ho an' ny tenanao ihany; Fa raha maniratsira kosa ianao, dia ianao ihany no hiharan' izany. **13** Ny fahadalana dia toy ny vehivavy vavàna; Kely saina izy ka tsy mahalala na inona na inona. **14** Fa mipetraka eo am-baravaran' ny tranony izy, Ary amin' ny seza eny amin' ny fitoerana avo eo an-tanàna, **15** Mba hiantso ny mpandalo Izay mizotra amin' ny alehany, ka manao hoe: **16** Aoka hivily atỳ izay kely saina; Ary amin' izay tsy ampy saina dia hoy izy: **17** Mamy ny rano angalarina, Ary fy ny mofo hanina amin' ny fiafenana, **18** Nefa tsy fantany fa ny maty no ao, Ary any amin' ny halalin' ny fiainan-tsi-hita ny olona nasainy. **(Sheol h7585)**

10 Ohabolan' i Solomona. Ny zanaka hendry mahafaly ny rainy; Fa ny zanaka adala mampalahelo ny reniny. **2** Ny harena azo amin' ny tsy marina dia tsy mahasoa na inona na inona; Fa ny fahamarinana no mamonjy amin' ny fahafatesana. **3** Tsy avelan' i Jehovah ho mosarena ny fanahin' ny marina; Fa foanany ny fanirian' ny ratsy fanahy. **4** Ho tonga malahelo ny miraviravy tanana amin' ny asany; Fa mampanan-karena ny tanan' ny mazoto. **5** Izay manangona amin' ny fararano no zanaka hendry; Fa izay sondrian-tory amin' ny taom-pijinjana no zanaka mampahamenatra. **6** Fitahiana no ho ao amin' ny lohan' ny marina; Fa loza no mandrakotra ny vavan' ny ratsy fanahy. **7** Hankasitrahana ny fahatsiarovana ny marina; Fa ho lò ny anaran' ny ratsy fanahy. **8** Izay hendry am-po no handray ny didy; Fa ho lavo ny adala maro vava. **9** Izay mandeha tsy

misy tsiny no mandeha matoky; Fa izay maniasia amin' ny alehany dia fantatra. **10** Izay mami-maso manome alahelo; Fa ho lavo ny adala maro vava. **11** Loharanon' aina ny vavan' ny marina; Fa loza no mandrakotra ny vavan' ny ratsy fanahy. **12** Ny fankahalana dia manetsika ady; Fa ny fitiavana manarona ny ota rehetra. **13** Amin' ny molotry ny manan-tsaina no ahitam-pahendrena; Fa tsorakazo no ho amin' ny lamosin' ny tsy ampy saina. **14** Ny hendry mirakitra fahalalana; Fa ny vavan' ny adala eo akaikin' ny fandringanana. **15** Ny haren' ny manan-karena no vohiny mafy; Fa ny tsi-fananan' ny ory no fandringanana azy. **16** Ho fiainana ny asan' ny marina; Fa ho ota ny fitomboan' ny haren' ny ratsy fanahy. **17** Izay mino anatra dia ho tonga eo amin' ny lalan' ny fiainana; Fa mivily izay mandà anatra. **18** Izay mitahiry lolompo dia manana molotra mandainga, Ary izay mampiely endrikendrika dia adala. **19** Ny teny maro tsy ilaozan' izay ota; Fa izay mahatana ny molony no hendry. **20** Volafotsy voafantina ny lelan' ny marina; Fa ny fon' ny ratsy fanahy tsy misy vidiny. **21** Ny molotry ny marina mamelona ny maro; Fa maty ny adala noho ny tsi-fananany fahalalana. **22** Ny fitahian' i Jehovah no mampanan-karena, Ary tsy azon' ny fisasarana ampiana izany. **23** Toa laolaon' ny adala ny fanaovan-dratsy Fa raha ny manan-tsaina, dia fahendrena kosa. **24** Ny tahotry ny ratsy fanahy hihatra aminy; Fa ny irin' ny marina no homena azy. **25** Rehefa mipaoka ny tafio-drivotra, dia tsy ao intsony ny ratsy fanahy; Fa ny marina voaorina ho mandrakizay. **26** Toy ny vinaingitra amin' ny nify sy ny setroka amin' ny maso. Dia mba toy izany koa ny malaina amin' izay maniraka azy. **27** Ny fahatahorana an' i Jehovah no mahela velona; Fa ny taonan' ny ratsy fanahy hohafohezina. **28** Ny fanantenan' ny marina dia fifaliana; Fa ny fanantenan' ny ratsy fanahy ho foana. **29** Ny lalan' i Jehovah dia fiarovana mafy ho an' izay tsy misy tsiny, Fa fandringanana kosa ho an' ny mpanao ratsy. **30** Ny marina tsy hangozohozo mandrakizay; Fa ny ratsy fanahy tsy honina amin' ny tany. **31** Eo amin' ny vavan' ny marina no itsimohan' ny fahendrena; Fa ny lela fandainga hofongorana. **32** Ny molotry ny marina mahalala izay ankasitrahana; Fa ny vavan' ny ratsy fanahy dia feno fitaka.

11 Ny mizana mandainga dia fahavetavetana eo imason' i Jehovah; Fa ny vato marina no ankasitrahany. **2** Raha tonga ny fiavonavonana, dia tonga koa ny fahafahambaraka; Fa ao amin' ny manetry tena no misy fahendrena. **3** Ny fahitsian' ny mahitsy no mitarika azy; Fa ny faharatsian' ny mpivadika mahatonga fandringanana amin' ny tenany. **4** Ny harena dia tsy mahasoa amin' ny andro fahatezerana; Fa ny fahamarinana no mamonjy tsy ho azon' ny fahafatesana. **5** Ny fahamarinan' ny marina mandamina ny alehany; Fa ny ratsy fanahy lavon' ny haratsiany ihany. **6** Ny fahamarinan' ny mahitsy mamonjy azy; Fa ny mpivadika dia voafandriky ny filàny. **7** Raha maty ny ratsy fanahy, dia foana ny fanantenany, Eny, foana ny fanantenan' ny mpanao ratsy. **8** Ny marina dia vonjena amin' ny fahoriana; Fa ho avy kosa ny ratsy fanahy hisolo azy. **9** Ny vavan' ny mpihatsaravelatsihy no animbany ny namany; Fa ny fahalalana no hanafahana ny marina. **10** Raha miadana ny marina, dia ravoravo ny tanàna; Fa raha ringana ny ratsy fanahy, dia velona ny hoby. **11** Ny fisaoran' ny marina no isandratan' ny tanàna; Fa ny vavan' ny ratsy fanahy no aharavany. **12** Tsy ampy saina izay manamavo ny namany; Fa izay hendry dia mangìna. **13** Izay mandehandeha manaratsy dia manambara ny hevitra afenina; Fa ny olona mahatoky tsy mba tia lazalaza. **14** Raha tsy misy mpitondra, dia rava ny firenena; Fa handry fahizay, raha maro ny mpanolotsaina. **15** Hahita loza tokoa ny mianto-bahiny: Fa mitoetra tsy manana ahiahy ny tsy tia antoka. **16** Ny vehivavy tsara tarehy mahazo dera; Ary ny mpanao an-keriny mahazo harena. **17** Ny olona mamindra fo dia mahazo soa ho an' ny tenany; Fa ny lozabe dia todin' ny halozany. **18** Ny ratsy fanahy dia mahazo valiny tsy mahasoa; Fa izay mamafy fahamarinana no mahazo izay tena tambiny tokoa. **19** Ny tena fahamarinana dia mamantana any amin' ny fiainana; Fa izay fatra-panaraka ny ratsy dia iharan' ny fahafatesana. **20** Fahavetavetana eo imason' i Jehovah ny meloka am-po; Fa ankasitrahany kosa izay mandeha tsy misy tsiny. **21** Azo itompoana tokoa fa tsy maintsy hampijalina ny ratsy fanahy; Fa ny taranaky ny marina no hovonjena. **22** Toy ny kavim-bolamena eo amin' ny oron-kisoa Ny vehivavy tsara tarehy tsy manam-pahendrena. **23** Ny soa ihany no irin' ny marina; Fa fahatezerana no fanantenan' ny ratsy fanahy. **24** Misy mahafoy, nefa mitombo fananana ihany; Ary misy fatra-pahihitra loatra, nefa tonga malahelo ihany. **25** Izay manisy soa olona hohatavezina; Ary izay mandena dia mba holemana kosa. **26** Izay tsy mamoaka ny variny dia ozonin' ny olona; Fa saotra no ho amin' ny lohan' izay mivarotra. **27** Izay fatra-pikatsaka ny tsara no mitady ny mahafinaritra; Fa izay mitady ny ratsy dia hiharan' izany. **28** Izay matoky ny hareny dia ho lavo; Fa ny marina ho tahaka ny ravina maitso. **29** Izay mampidi-doza amin' ny ankohonany dia mandova ny rivotra; Ary ny adala dia tonga mpanompon' ny hendry. **30** Ny vokatry ny marina dia hazon' aina, Ary ny hendry dia mahataona olona. **31** Indro, ny marina aza dia valiana etỳ an-tany, Koa mainka fa ny ratsy fanahy sy ny mpanota!

12 Izay tia fananarana no tia fahalalana; Fa izay mandà anatra dia biby. **2** Ny tsara fanahy mahazo sitraka amin' i Jehovah; Fa ny mamoron-tsain-dratsy hohelohiny. **3** Tsy maha-tafatoetra ny olona ny haratsiana; Fa ny fakan' ny marina tsy mba hihetsika. **4** Ny vehivavy tsara dia satro-boninahitry ny lahy; Fa ny vehivavy manao izay mahamenatra kosa dia tahaka ny lò ao anatin' ny taolana. **5** Rariny ny hevitry ny marina; Fa fitaka ny fisainan' ny ratsy fanahy. **6** Ny tenin' ny ratsy fanahy dia otrika ho entimandatsa-drà; Fa ny vavan' ny marina hamonjy azy. **7** Haringana ny ratsy fanahy ka tsy ho ao intsony; Fa ny mpianakavin' ny marina haharitra. **8** Araka ny fahendren' ny olona no hiderana azy; Fa izay meloka am-po dia hatao tsinontsinona. **9** Aleo ambany toetra, nefa manana mpanompo iray, Toy izay mihambo ho be voninahitra, nefa tsy manan-kohanina akory. **10** Ny marina mitsimbina ny ain' ny bibiny; Fa fahasiahana kosa no famindram-pon'

ny ratsy fanahy; **11** Izay miasa ny taniny dia ho voky hanina; Fa izay manaraka ny olom-poana dia tsy ampy saina. **12** Ny mpanota maniry ny hazan' ny ratsy fanahy; Fa ny fakan' ny marina mitrebona. **13** Amin' ny fahotan' ny molotra dia misy fandrika ahitan-doza; Fa ny marina ho afaka amin' ny fahoriana. **14** Ny vokatry ny vavan' ny olona no mahavoky soa azy, Ary ny asan' ny tànany hitsingerina aminy. **15** Ny lalan' ny adala dia mahitsy eo imasony; Fa izay mino anatra no hendry. **16** Ny fahasosoran' ny adala dia fantatra miaraka amin' izay; Fa izay mahatsindry fo amin' ny fanalam-baraka no hendry. **17** Izay olona mahatoky dia manambara ny rariny; Fa ny vavolombelona mandainga kosa miteny fitaka. **18** Misy mandefalefa teny tsy tsaroana ka tonga toy ny fanindron' ny sabatra; Fa ny lelan' ny marina dia fanasitranana kosa. **19** Ny molotra marina ampitoerina ho mandrakizay; Fa ny lela mandainga dia indray mipi-maso monja. **20** Fitaka no ao am-pon' izay mamoron-tsain-dratsy; Fa hafaliana no amin' izay misaina fiadanana. **21** Tsy misy ratsy manjo ny marina; Fa henidoza ny ratsy fanahy. **22** Fahavetavetana eo imason' i Jehovah ny molotra mandainga; Fa izay olona mahatoky no ankasitrahany. **23** Ny olon-kendry tsy mba mampideradera fahalalana foana; Fa ny fon' ny adala mamoaka fahadalana. **24** Ny tanan' ny mazoto no hanapaka; Fa izay miraviravy tanana dia hampanompoina. **25** Ny alahelo ao am-pon' ny olona dia mampitanondrika azy; Fa ny teny soa no mahafaly azy. **26** Ny marina dia mitari-dalana ny namany; Fa ny alehan' ny ratsy fanahy kosa no mampivily azy. **27** Ny kamo tsy mety mihaza; Fa fananana soa ho an' ny olona ny zoto. **28** Amin' ny lalan' ny fahamarinana no misy fiainana, Ary ny tsi-fahafatesana no lalan-kalehany.

13 Ny zanaka hendry mihaino ny fananaran-drainy; Fa ny mpaniratsira tsy mety mihaino, na dia anarina mafy aza. **2** Ny vokatry ny vavan' ny olona no ahazoany soa; Fa ny hampidi-doza no mahafaly ny mpivadika. **3** Izay mahambim-bava no miaro ny ainy; Fa izay vavàna dia haringana. **4** Ny fanahin' ny kamo maniry, fa tsy mba mahazo; Fa ny fanahin' ny mazoto hohatavezina. **5** Ny lainga dia halan' ny marina; Fa ny ratsy fanahy manao izay maharikoriko sy mahamenatra. **6** Ny fahamarinana miaro izay mandeha tsy misy tsiny; Fa ny haratsiana mamotraka ny mpanota. **7** Misy mihambo ho manan-karena, nefa tsy manana na inona na inona; Misy kosa mody malahelo, nefa manana harena be. **8** Ny haren' ny olona dia avotry ny ainy; Fa ny levilevy tsy mampiraika ny malahelo akory. **9** Ny fahazavan' ny marina dia tsara firehitra; Fa ny jiron' ny ratsy fanahy ho faty. **10** Fifandirana ihany no vokatry ny fiavonavonana; Fa ao amin' ny mino anatra no misy fahendrena. **11** Ny harena azoazo foana dia mihena lalandava; Fa izay mahavatra mitsimpona no mampitombo. **12** Ny fanantenana tsy azo vetivety dia mankarary ambavafo; Fa hazon' aina ny faniriana tanteraka. **13** Izay manamavo ny teny ho voasingony; Fa izay matahotra ny didy no hahazo valim-pitia. **14** Ny fampianaran' ny hendry dia loharanon' aina Ka mampivily tsy ho ao amin' ny fandriky ny fahafatesana. **15** Ny fahendrena tsara dia ahazoam-pitia; Fa sarotra ny lalan' ny mpivadika. **16** Ny mahira-tsaina, rehetra miasa amin' ny fahalalana; Fa ny adala kosa mampiseho hadalana; **17** Ny iraka ratsy fanahy idiran-doza; Fa ny iraka mahatoky dia famelombelomana. **18** Fahalahelovana sy henatra no ho an' izay mandà famaizana; Fa izay manaiky anatra no homem-boninahitra. **19** Mamin' ny fo ny faniriana tanteraka; Fa fahavetavetana eo imason' ny adala ny hiala amin' ny ratsy. **20** Izay miaradia amin' ny hendry dia ho hendry; Fa izay misakaiza amin' ny adala dia hidiran-doza. **21** Ny mpanota dia enjehin' ny loza: Fa hovalian-tsoa ny marina. **22** Ny tsara fanahy mahenina lova ny zafiny, Fa ny haren' ny mpanota kosa voatahiry ho an' ny marina. **23** Ny tanin' ny malahelo izay voasa dia ahazoana hanina be; Fa maro no ringana noho ny fanaovan' izay tsy rariny. **24** Izay mitsitsy ny tsorakazony dia tsy tia ny zanany; Fa izay tia zanaka dia manafay azy, raha mbola kely. **25** Ny marina mihinana ka voky tsara; Fa noana ny kibon' ny ratsy fanahy.

14 Ny vehivavy hendry dia samy manao ny tranony; Fa ny adala kosa mandrava ny tranony amin' ny tànany. **2** Mandeha mahitsy izay matahotra an' i Jehovah; Fa mivily lalana kosa izay maniratsira Azy. **3** Eo ambavan' ny adala misy tsorakazon' ny fiavonavonana; Fa ny molotry ny hendry miaro ny tenany. **4** Raha tsy misy omby, dia foana ny fihinanam-bilona; Fa be ny fitomboan-karena azo amin' ny herin' ny omby. **5** Ny vavolombelona mahatoky tsy mba mety mandainga; Fa mamoaka lainga kosa ny vavolombelona tsy mahatoky. **6** Ny mpaniratsira mba mitady fahendrena, fa tsy mahita; Fa ny manan-tsaina mora mahazo fahalalana. **7** Mialà eo anatrehan' ny olona adala, Fa tsy ho hitanao aminy ny molotry ny fahalalana. **8** Ny mitandrina ny alehany no fahendren' ny mahira-tsaina; Fa fitaka ny hadalan' ny adala. **9** Ny adala ihomehezan' ny fanati-panonerana; Fa ao amin' ny marina no misy fankasitrahana. **10** Ny fo no mahalala ny fangidian' ny alahelony; Ary tsy raharahan' ny olon-kafa ny hafaliany. **11** Ravana ny tranon' ny ratsy fanahy; Fa ambinina ny lain' ny marina. **12** Misy lalana ataon' ny olona ho mahitsy, Kanjo lalana mivarina any amin' ny fahafatesana no iafarany. **13** Na dia mihomehy aza, dia ory ihany ny fo, Ary ny faran' ny hafaliana dia alahelo. **14** Ny mihemotra am-po dia ho voky ny alehany; Fa ny tsara fanahy kosa ho voky ny azy ihany. **15** Ny kely saina mino ny teny rehetra; Fa ny mahira-tsaina mandinika ny diany. **16** Ny hendry matahotra ka mivily tsy ho amin' ny ratsy; Fa ny adala fatra-pirehareha ka matokitoky foana. **17** Izay malaky tezitra dia manao adaladala; Ary ny olona mamoron-tsain-dratsy dia ankahalaina. **18** Ny kely saina dia handova fahadalana; Fa ny mahira-tsaina mahazo ny fahalalana ho satro-boninahiny. **19** Ny ratsy fanahy miondrika eo anatrehan' ny tsara fanahy, Ary ny meloka dia eo am-bavahadin' ny marina. **20** Ny malahelo dia halan' ny havany aza; Fa ny manan-karena no tian' ny maro. **21** Izay manao tsinontsinona ny namany dia manota; Fa endrey ny fahasambaran' izay mamindra fo amin' ny ory! **22** Tsy mivily va izay manao asa ratsy? Fa famindram-po sy fahamarinana no ho an' izay manao

asa tsara. **23** Ny fisasarana rehetra misy valiny avokoa; Fa ny molotra mibedibedy foana tsy mba ahazoana na inona na inona. **24** Satroboninahitry ny hendry ny hareny; Fa ny fahadalan' ny adala dia fahadalana ihany. **25** Ny vavolombelona marina mamonjy ain' olona; Fa izay mamoaka lainga dia tena fitaka. **26** Ny fahatahorana an' i Jehovah dia fiarovana mahatoky, Ary ny zanany hahazo fialofana. **27** Ny fahatahorana an' i Jehovah no loharanon' aina, Hanalavirana ny fandriky ny fahafatesana. **28** Ny fahabetsahan' ny vahoaka no voninahitry ny mpanjaka; Fa ny havitsiany kosa no fietreny. **29** Be saina izay mahatsindry fo; Fa ny malaky tezitra mampiseho ny fahadalany. **30** Ny fo mionona no fiainan' ny nofo; Fa ny fahamaimaizan-tsaina dia mahalò ny taolana. **31** Izay mampahory ny mahantra dia manala baraka ny Mpanao azy; Fa ny mamindra fo aminy kosa dia manome voninahitra Azy. **32** Ny ratsy fanahy azera noho ny haratsiany; Fa ny marina matoky, na dia mby ao amin' ny fahafatesana aza. **33** Mandry tsara ao am-pon' ny manan-tsaina ny fahendrena; Fa ny an' ny adala kosa dia miharihary. **34** Ny fahamarinana manandratra ny firenena; Fa ny ota kosa dia fahafahambaraka amin' ny olona **35** Ny fankasitrahan' ny mpanjaka dia amin' ny mpanompo hendry; Fa ny fahatezerany kosa amin' ny manao izay mahamenatra.

15 Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy; Fa ny teny maharary mahatonga fahasosorana. **2** Ny lelan' ny hendry mampiseho fahalalana tsara; Fa ny vavan' ny adala miboiboika fahadalana. **3** Ny mason' i Jehovah amin' izao rehetra izao, Mijery ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy. **4** Ny teny malemy dia hazon' aina; Fa ny vava ratsy mandratra ny fanahy. **5** Ny adala maniratsira ny famaizan-drainy; Fa izay mitandrina ny fananarana no hita ho hendry. **6** Ao an-tranon' ny marina misy harena be; Fa ny fitomboan' ny haren' ny ratsy fanahy dia misy loza. **7** Ny molotry ny hendry mampiely fahendrena; Fa tsy mba toy izany ny fon' ny adala. **8** Ny fanatitry ny ratsy fanahy dia fahavetavetana eo imason' i Jehovah; Fa ny fivavaky ny marina no sitrany. **9** Fahavetavetana eo imason' i Jehovah ny lalan' ny ratsy fanahy; Fa izay fatra-panaraka ny fahamarinana no tiany. **10** Famaizana mafy no hihatra amin' izay mivily lalana. Eny, izay mankahala anatra dia ho faty. **11** Ny fiainan-tsi-hita sy ny fandringanana aza dia miharihary eo anatrehan' i Jehovah, Koa mainka ny fon' ny zanak' olombelona! **(Sheol h7585)** **12** Tsy tian' ny mpaniratsira izay mananatra azy, Ary tsy mety manatona ny hendry izy. **13** Ny fo ravoravo mahamiramirana ny tarehy; Fa ny alahelon' ny fo mahareraka ny fanahy. **14** Ny fon' ny manan-tsaina mitady fahendrena; Fa ny vavan' ny adala mankamamy ny fahadalana. **15** Ratsy avokoa ny andron' ny ory; Fa ny faharavoravoam-po dia fanasana mandrakariva. **16** Aleo ny kely misy ny fahatahorana an' i Jehovah Toy izay harena be misy ahiahy. **17** Aleo sakafo anana ampian-tsetsetra Toy izay omby mifahy asian-dromoromo. **18** Izay malaky tezitra manetsika ady; Fa izay mahatsindry fo mampitsahatra fifandirana. **19** Ny lalan' ny malaina dia toy ny fefy tsilo Fa ny lalamben' ny marina dia voalamina tsara. **20** Ny zanaka hendry mahafaly ny rainy; Fa ny adala manao tsinontsinona an-dreniny. **21** Ny fahadalana dia fifalian' ny tsy ampy saina; Fa ny manan-tsaina kosa mizotra mahitsy **22** Ho foana ny fikasana, raha tsy misy mpisaina; Fa raha maro ny mpanolo-tsaina, dia tanteraka izany. **23** Faly ny olona, raha mahavaly tsara ny vavany, Ary endrey ny hatsaran' ny teny atao amin' izay andro mahamety azy! **24** Làlan' aina ho any ambony no alehan' ny hendry, Hanalavirany ny fiainantsi-hita any ambany, **(Sheol h7585)** **25** Ravan' i Jehovah ny tranon' ny mpiavonavona; Fa ny fari-tanin' ny mpitondratena aoriny mafy. **26** Fahavetavetana eo imason' i Jehovah ny hevi-dratsy; Fa madio ny teny mahafinaritra. **27** Izay fatra-pila harena dia mampidi-doza amin' ny ankohonany; Fa izay mankahala kolikoly no ho velona. **28** Ny fon' ny marina mihevitra vao mamaly; Fa ny vavan' ny ratsy fanahy kosa miboiboika faharatsiana. **29** Jehovah dia lavitra ny ratsy fanahy; Fa ny fivavaky ny marina no henoiny. **30** Ny tarehy miramirana mahafaly ny fo; Ary ny filazan-tsoa mamelombelona ny taolana. **31** Ny sofina izay mihaino anatra mahavelona Dia miara-mitoetra amin' ny hendry. **32** Izay mandà anatra dia manary tena; Fa izay mihaino ny fananarana no mahazo fahalalana. **33** Ny fahatahorana an' i Jehovah dia fananarana mampahahendry; Ary ny fanetren-tena mialoha ny fisandratana.

16 Ny fikasan' ny fo no amin' ny olona; Fa ny famalian' ny lela dia avy amin' i Jehovah. **2** Ataon' ny olona ho madio avokoa ny lalana rehetra alehany; Fa Jehovah ihany no mpandanja ny fanahy. **3** Ankino amin' i Jehovah ny asanao, Dia ho lavorary izay kasainao. **4** Ny zavatra rehetra nataon' i Jehovah dia samy misy antony avokoa; Eny, ny ratsy fanahy koa aza dia nataony ho amin' ny andro hahitandoza. **5** Fahavetavetana eo imason' i Jehovah izay rehetra miavonavona am-po, Azo itompoana tokoa fa tsy maintsy hampijalina izy. **6** Ny famindram-po sy ny fahamarinana no avotra amin' ny heloka; Ary ny fahatahorana an' i Jehovah no analavirana ny ratsy. **7** Raha sitrak' i Jehovah ny alehan' ny olona, Na dia ny fahavalony aza dia hampihavaniny aminy. **8** Aleo ny kely omban' ny fahamarinana Toy izay ny harem-bevava azo amin' ny tsy rariny. **9** Ny fon' ny olona mihevitra tsara ny halehany; Fa Jehovah ihany no mahalavorary ny diany. **10** Ny teny marina dia eo amin' ny molotry ny mpanjaka, Ary tsy diso teny izy, raha mitsara. **11** An' i Jehovah ny fandanjana sy ny mizana marina, Avy aminy avokoa ireo vato rehetra an-kitapo. **12** Fahavetavetana eo imason' ny mpanjaka ny fanaovandratsy; Fa fahamarinana no iorenan' ny seza fiandrianana. **13** Sitraky ny mpanjaka ny molotra marina, Ary izay miteny mahitsy no tiany. **14** Ny fahatezeran' ny mpanjaka dia iraky ny fahafatesana. Fa ny olon-kendry mampionona izany. **15** Amin' ny fahamiramiranan' ny tarehin' ny mpanjaka dia misy fiainana, Ary ny fankasitrahany dia toy ny rahona amin' ny fararano. **16** Tsara ny mahazo fahendrena noho ny volamena, Ary tsara ny mahazo fahalalana noho ny volafotsy. **17** Ny manalavitra ny ratsy no lalamben' ny marina, Ary izay mitandrina ny alehany no miaro ny ainy. **18** Ny fiavonavonana mialoha ny fahasimbana, Ary ny

fanahy mirehareha mialoha ny fahalavoana. **19** Tsara ny malemy fanahy ao amin' izay manetry tena Noho ny mizara babo amin' izay miavonavona. **20** Izay mandinika ny teny no hahita soa; Ary izay matoky an' i Jehovah no ho sambatra. **21** Izay hendry am-po dia lazaina hoe manan-tsaina, Ary ny hamamian' ny molotra mampandroso fahendrena. **22** Loharanon' aina ny fahazavan-tsaina amin' izay manana izany; Fa ny famaizana ataon' ny adala dia fahadalana ihany. **23** Ny fon' ny hendry mahahendry ny vavany Sady manampy fahendrena eo amin' ny molony. **24** Toho-tantely ny teny mahafinaritra, Ka sady mamin' ny fanahy no mahatsara ny taolana. **25** Misy lalana ataon' ny olona ho mahitsy, Kanjo lalana mivarina any amin' ny fahafatesana no iafarany. **26** Ny fahanoanan' ny mpiasa dia mampiasa azy, Fa ny tendany no manesika azy. **27** Ny ratsy fanahy mihady lavaka fanimbana, Sady misy toy ny afo mahamay eo amin' ny molony. **28** Ny mpivadibadika mamafy ady; Ary ny mpibitsibitsika mampisaraka ny tena mpisakaiza. **29** Ny lozabe mitaona ny namany Ka mitarika azy amin' ny lalana tsy tsara. **30** Izay manakimpy ny masony hieritreritra ny ratsy Sady manaikitraiki-molotra dia efa mikasa hanao ratsy. **31** Satroboninahitra tsara tarehy ny volofotsy, Ao amin' ny lalan' ny fahamarinana no ahazoana azy. **32** Tsara ny mahatsindry fo noho ny mahery, Ary izay mahazaka ny fanahiny noho izay mahafa-bohitra. **33** Ny filokana dia atsipy ao am-pofoany; Fa avy amin' i Jehovah ihany no isehoan' ny fitsarany.

17 Tsara ny sombi-mofo maina misy fiadanana Noho ny trano feno hena misy fifandirana. **2** Ny mpanompo hendry dia hanapaka ny zanaka manao izay mahamenatra Sady hizara lova amin' ny mpirahalahy. **3** Ny memy ho an' ny volafotsy, ary ny fatana fandrendrehana ho an' ny volamena; Fa Jehovah ihany no Mpamantatra ny fo. **4** Ny mpanao ratsy mampandry sofina amin' ny molotra mandainga; Ary ny mpandainga mihaino ny lela mampidi-doza. **5** Izay mihomehy ny malahelo manala baraka ny Mpanao azy; Ary izay faly amin' ny fahorian' ny sasany dia tsy maintsy hampijalina. **6** Satroboninahitry ny antitra ny zafiny; Ary voninahitry ny zanaka ny rainy. **7** Ny teny jadona tsy tandrifiny halahatry ny adala, Koa mainka fa tsy tokony ho an' ny zanak' andriana ny molotra mandainga. **8** Ny kolikoly dia toy ny vato soa eo imason' izay mahazo azy, Ka na aiza na aiza alehany dia ambinina ihany. **9** Izay te-ho be fitiavana dia manaron-keloka; Fa izay mamohafoha teny mampisaraka ny tena mpisakaiza. **10** Ny anatra dia manan-kery kokoa amin' ny hendry Noho ny kapoka injato amin' ny adala. **11** Ny maditra dia fatra-pitady ny ratsy, Ka dia iraka lozabe no irahina hamely azy. **12** Aleo mifanena amin' ny bera very anaka Toy izay amin' ny adala feno hadalana. **13** Izay mamaly ratsy ny soa, Ny ratsy tsy hiala ao an-tranony. **14** Ny fiandohan' ny ady dia toy ny manata-drano, Koa ilaozy ny fifandirana, dieny tsy mbola mifandramatra. **15** Izay manamarina ny meloka, na izay manameloka ny marina, Dia samy fahavetavetana eo imason' i Jehovah. **16** Hatao inona re ity vola an-tànan' ny adala? Hamidy fahendrena va? tsy manan-tsaina izy. **17** Izay tena sakaiza tokoa dia tia amin' ny andro rehetra, Sady miseho ho rahalahy hamonjy amin' ny fahoriana. **18** Olona tsy ampy saina izay mifandray tanana Hiantoka eo anatrehan' ny sakaizany. **19** Izay tia ady dia tia heloka; Ary izay manao vavahady avo mitady fahasimbana. **20** Izay madi-po tsy hahita soa; Ary izay manana lela mandainga hivarina any amin' ny loza. **21** Izay miteraka adala hahazo alahelo; Ary ny rain' ny adala tsy ho faly. **22** Ny fo ravoravo mahasalama tsara; Fa ny fanahy kivy mahamaina ny taolana. **23** Ny ratsy fanahy mandray kolikoly avy any anaty lamba Ho entiny mamadika ny rariny. **24** Eo anoloan' ny manan-tsaina ny fahendrena; Fa ny mason' ny adala dia mibirioka any amin' ny faran' ny tany. **25** Ny zanaka adala mampalahelo ny rainy Sady fahoriana mangidy amin' ny reniny niteraka azy. **26** Tsy mety raha mampijaly ny marina, Na mamely ny manan-kaja noho ny fahamarinany. **27** Izay mahafihim-bava no manam-pahalalana; Ary izay mahatsindry fo no manan-tsaina. **28** Na ny adala aza, raha tsy miteny, dia atao ho hendry, Ary izay mahafihim-bava dia toa manan-tsaina.

18 Izay mitokana ho azy dia mitady ny mahafinaritra ny tenany ihany, Misafoaka manohitra izay hevitra mahasoa rehetra izy. **2** Ny adala tsy mba finaritra amin' ny fahalalana, Fa ta-haneho izay ao am-pony. **3** Raha avy ny ratsy fanahy, dia avy ny fanamavoana; Ary miaraka amin' ny fahafaham-baraka ny henatra. **4** Rano lalina ny teny aloaky ny vavan' ny olona, Ary rano miboiboika ny loharanon' ny fahendrena, **5** Tsy mety raha manohana ny ratsy fanahy Handresy ny marina amin' ny fitsarana. **6** Ny molotry ny adala manatona ny fifandirana, Ary ny vavany mihantsy kapoka. **7** Ny vavan' ny adala no fandringanana azy, Ary ny molony ihany no fandriky ny fanahiny. **8** Ny tenin' ny mpifosafosa dia toy ny hanim-py Ka mikorotsaka ao anaty kibo indrindra. **9** Ary izay malaina amin' ny asany Dia rahalahin' ny mpanimba. **10** Ny anaran' i Jehovah dia tilikambo mafy; Ny marina miezaka ho ao aminy ka voavonjy. **11** Ny haren' ny manan-karena no vohiny mafy, Ary raha araka ny fiheviny, dia toa manda avo izany. **12** Ny fireharehan' ny fon' ny olona mialoha ny fahasimbana; Fa ny fanetren-tena kosa mialoha ny voninahitra. **13** Izay mamaly teny mbola tsy re, Dia hadalana sy henatra ho azy izany. **14** Ny fahamarian y dia zakan' ny fanahin' ny olona ihany; Fa ny fanahy kivy, iza no mahazaka izany? **15** Ny fon' ny manan-tsaina mahazo fahalalana; Ary ny sofin' ny hendry mitady izany. **16** Ny fanomezan' ny olona dia mahalalaka ny alehany, Hahatonga azy eo anatrehan' ny lehibe. **17** Izay mandahatra aloha no toa marina; Fa nony avy kosa ny an-daniny, dia mamaly ny teniny. **18** Ny filokana mampitsahatra ady Ary mampisaraka ny samy mahery. **19** Ny mampionona ny rahalahy voaisy ratsy dia sarotra noho ny manafaka vohitra mafy, Ary ny fifandirana aminy dia tahaka ny hidin' ny lapan' ny mpanjaka. **20** Ny vokatry ny vavan' ny olona no mahavoky soa azy; Eny, ny vokatry ny molony no mahavoky azy. **21** Ny mahafaty sy ny mahavelona samy hain' ny lela, Koa izay manarana azy dia hihinana ny vokany. **22** Izay lehilahy mahazo vady dia mahazo zava-tsoa Sady mahita sitraka amin' i Jehovah. **23**

Fitarainana no ataon' ny malahelo; Nefa ny manan-karena kosa dia mamaly mahery. **24** Izay maro sakaiza tsy maintsy tra-pahoriana; Fa misy sakaiza tia, izay mifikitra noho ny rahalahy aza.

19 Tsara ny malahelo mandeha tsy misy tsiny Noho izay mandainga amin' ny molony sady adala. **2** Tsy tsara raha tsy manam-pahalalana ny fanahy; Ary izay miezaka mosalahy dia ho diso lalana. **3** Ny fahadalan' ny olona no mahasimba ny alehany, Ka amin' i Jehovah no sosotra ny fony. **4** Ny harena mahamaro sakaiza; Fa ny malahelo afoin' ny sakaizany. **5** Ny vavolombelona mandainga tsy ho afa-tsiny, Ary izay mamoaka lainga tsy ho afa-miala. **6** Maro no mandambolambo andriana; Ary ny olona rehetra samy misakaiza amin' izay mpanome zavatra. **7** Ny malahelo dia halan' ny rahalahiny rehetra, Koa mainka fa ny sakaizany tsy hanalavitra azy va? Manandrandra amin' ny teny tsy misy izy. **8** Izay mihary fahendrena no tia ny tenany, Ary izay mitandrina fahalalana hahita soa. **9** Ny vavolombelona mandainga tsy maintsy hampijalina, Ary ny miteny lainga ho very. **10** Ny ho velona amin' ny fahafinaretana dia tsy tandrifiny ho an' ny adala, Koa mainka izay hanapahan' ny mpanompo ny zanak' andriana. **11** Ny fahendren' ny olona manindry ny fahatezerany, Ary voninahitra ho azy ny tsy mamaly fahadisoana. **12** Ny fahatezeran' ny mpanjaka dia toy ny fieron' ny liona tanora: Fa ny fitiany kosa toy ny ando amin' ny ahitra. **13** Ny zanaka adala mahabe fahoriana ny rainy; Ary ny ady ataon' ny vehivavy dia toy ny rano mitete mandrakariva. **14** Trano sy harena no lova avy amin' ny ray; Fa ny vady hendry kosa dia avy amin' i Jehovah. **15** Ny hakamoana mahasondrian-tory, Ary ho mosarena ny olona malaina. **16** Izay mitandrina ny didy mitandrina ny ainy; Fa izay tsy mihevitra ny alehany dia ho faty. **17** Izay miantra ny malahelo dia mampisambotra an' i Jehovah, Ary izay nomeny dia honerany kosa. **18** Faizo ny zanakao, fa mbola misy azo antenaina ihany, Nefa aza dia entim-po loatra, fandrao mahafaty azy. **19** Ny lozabe tsy maintsy hampijalina; Ary na dia vonjenao aza izy, dia mbola hanahirana anao ihany indray. **20** Henoy ny saina atolotra, ary raiso ny fananarana, Mba ho hendry ianao amin' izay hiafaranao. **21** Maro ny hevitra ao am-pon' ny olona; Fa ny fisainan' i Jehovah no haharitra. **22** Fifaliana amin' ny olona ny manisy soa; Ary aleo ho malahelo toy izay ho mpandainga. **23** Ny fahatahorana an' i Jehovah no ahazoana fiainana; Izay manana izany tsy mba handry fotsy sady tsy hiharan-doza. **24** Ny malaina dia mangarona ny eo an-dovia amin' ny tànany, Nefa ny mampakatra azy ho amin' ny vavany dia tsy zakany. **25** Kapohy ny mpaniratsira, dia ho hendry ny kely saina; Ary anaro ny manan-tsaina, dia hahalala fahendrena izy. **26** Izay mitohatoha amin-drainy sy mandroaka ny reniny Dia zanaka mahamenatra sy mahafa-baraka. **27** Anaka, mitsahara tsy hihaino anatra Izay mampanalavitra anao ny tenin' ny fahalalana. **28** Ny vavolombelona ratsy maniratsira ny fitsarana; Ary ny vavan' ny ratsy fanahy mitelina ny ratsy. **29** Vonona ho amin' ny mpaniratsira ny fanamelohana, Ary ny kapoka ho amin' ny lamosin' ny adala.

20 Mpaniratsira ny divay, ary mpitabataba ny toaka, Koa izay miraikiraiky azon' izany dia tsy hendry. **2** Ny fampitahoran' ny mpanjaka dia toy ny fieron' ny liona tanora; Izay mampahatezitra azy dia mankahà-doza hihatra amin' ny ainy, **3** Voninahitry ny olona ny hanalavitra ny ady; Fa ny adala rehetra kosa misafoaka. **4** Ny malaina tsy mety miasa amin' ny ririnina, Ka dia hangataka izy raha fararano, fa tsy hahazo. **5** Rano lalina ny hevitra ao am-pon' ny olona; Fa izay manan-tsaina dia mahay manovo azy ihany, **6** Maro ny olona samy midera ny soa ataon' ny tenany avy; Fa izay olo-mahatoky, iza moa no mahita azy? **7** Izay olona marina mandeha amin' ny fahitsiany Sambatra ny zanany mandimby azy. **8** Mipetraka eo amin' ny seza fitsarana ny mpanjaka, Ka mikororoka manaisotra ny ratsy rehetra ny masony. **9** Iza no mahazo manao hoe: Efa nahadio ny foko aho Ka madio tsy manana ota? **10** Ny vato mizana samy hafa sy ny vata famarana samy hafa Dia samy fahavetavetana eo imason' i Jehovah. **11** Na dia ny zaza aza dia mampiseho amin' ny fanaony Na madio sy mahitsy ny fitondran-tenany. **12** Ny sofina mandre sy ny maso mahita Dia samy nataon' i Jehovah avokoa. **13** Aza tia torimaso ianao, fandrao tonga malahelo; Ahirato ny masonao, dia ho voky hanina ianao. **14** Ratsy! ratsy! hoy ny mpividy; Kanjo nony lasa izy, dia mandoka tena. **15** Ao ihany ny volamena sy ny voahangy betsaka; Fa ny molotra misy fahalalana no ravaka soa. **16** Alao ny lambany, fa efa niantoka olon-kafa izy, Ary tano ho solon' ny vahiny niantohany. **17** Mamin' ny olona ny hanina azo amin' ny fitaka; Kanjo ho feno fasika ny vavany any am-parany. **18** Ny hevitra rehetra dia aorin' ny fisainana, Ary ny fahaizana mandamina tsara no entonao miady. **19** Izay mandehandeha manaratsy dia manambara ny hevitra afenina, Koa aza miraharaha amin' izay mibedibedy foana. **20** Izay manozona ny rainy na ny reniny, Dia ho faty ao amin' ny alim-pito ny jirony. **21** Ny harena malaky azo foana eo am-boalohany Dia tsy hotahina any am-parany. **22** Aza manao hoe: Hamaly ny ratsy nataony aho; Fa andraso Jehovah, fa Izy no hamonjy anao. **23** Fahavetavetana eo imason' i Jehovah ny vato samy hafa, Ary ny mizana mandainga dia tsy tsara. **24** Avy amin' i Jehovah ny dian' ny olona, Ary hataon' izay olombelona ahoana no hahafantatra ny lalany? **25** Fandrika amin' ny olona ny malaky manao hoe: Zavatra masìna ity; Ka nony vita ny voady, vao mamototra. **26** Ny mpanjaka hendry mikororoka manaisotra ny ratsy fanahy Sady mitarika ny kodia fivelezana eo amboniny. **27** Jiron' i Jehovah ny fanahin' ny olona, Itsilovana ny efitrefitra rehetra ao am-po. **28** Famindram-po sy fahamarinana no miaro ny mpanjaka, Ary ampitoeriny amin' ny famindram-po ny seza fiandrianany. **29** Voninahitry ny zatovo ny fahatanjahany, Ary ravaky ny anti-panahy ny volo fotsy. **30** Ny fampangirifiriana dia mahafaka ny faharatsiana, Ary ny kapoka mahadio ny efitrefitra ao an-kibo.

21 Rano velona eo an-tànan' i Jehovah ny fon' ny mpanjaka, Ka tarihiny amin' izay tiany. **2** Ataon' ny olona ho marina avokoa ny lalana rehetra alehany; Fa Jehovah ihany no Mpandanja ny fo. **3** Ny hanao izay

marina sy mahitsy No sitrak' i Jehovah mihoatra noho ny fanatitra alatsa-drà. **4** Ny fiandranandran' ny maso sy ny fiavonavon' ny fo Izay jiron' ny ratsy fanahy dia ota. **5** Ny hevitry ny mazoto dia mampanan-karena; Fa ny maimaika rehetra dia halahelo ihany. **6** Ny fahazoan-karena amin' ny lela mandainga Dia fofonaina mihelina ho an' izay mitady fahafatesana. **7** Ny fitohatohan' ny ratsy fanahy hamongotra azy, Satria mandà tsy hanao izay marina izy. **8** Miolikolika ny lalan' ny mavesa-keloka; Fa mahitsy ny ataon' ny madio. **9** Aleo mitoetra eo an-joron' ny tampon-trano Toy izay hiray trano amin' ny vehivavy tia ady. **10** Ny fanahin' ny ratsy fanahy maniry ny ratsy, Ka na dia ny havany aza tsy mahita fitia eo imasony. **11** Raha ampijalina ny mpaniratsira, dia ho hendry ny kely saina; Ary raha toroan-kevitra ny hendry, dia hahazo fahalalana izy. **12** Ny Iray Marina no mandinika ny tranon' ny ratsy fanahy Ka mamarina azy ho amin' ny loza. **13** Izay manentsin-tadiny amin' ny fitarainan' ny malahelo, Dia mba hitaraina kosa izy, fa tsy hohenoina. **14** Ny fanomezana mangingina mampionona ny fahatezerana, Ary ny kolikoly amin' ny takona mampitsahatra ny fahavinirana mafy. **15** Fifalian' ny marina ny hanao araka ny rariny; Fa zava-mahatahotra ny mpanao ratsy kosa izany. **16** Ny olona izay mivily miala amin' ny lalan' ny fahendrena Dia hitoetra ao amin' ny fivorian' ny fanahin' ny maty. **17** Izay tia fanaranam-po dia olona halahelo, Eny, izay tia divay sy diloilo tsy mba hanan-karena. **18** Ny ratsy fanahy dia ho avotry ny marina, Ary ny mpivadika ho solon' ny mahitsy. **19** Aleo mitoetra any an-efitra Toy izay amin' ny vehivavy tia ady sady foizina. **20** Harena mahafinaritra sy diloilo no ao amin' ny tranon' ny hendry; Fa ny adala mandany azy. **21** Izay fatra-panaraka fahamarinana sy famindram-po Dia hahazo fiainana sy fahamarinana ary voninahitra. **22** Ny hendry mananika ny vohitry ny mahery Ka mandrodana ny fiarovana mafy izay itokiany. **23** Izay miambina ny vavany sy ny lelany Dia miaro ny fanahiny tsy ho azom-pahoriana. **24** Izay mirehareha sy miavonavona no atao hoe mpaniratsira, Dia izay olona fatra-piavonavona. **25** Ny fanirian' ny malaina hahafaty azy, Satria ny tànany tsy mety miasa tsinona; **26** Maniry fatratra mandritra ny andro izy; Fa ny marina kosa manome ka tsy mba mahihitra. **27** Ny fanatitry ny ratsy fanahy dia fahavetavetana, Ka indrindra raha amin' ny sain-dratsy no itondrany azy. **28** Ho faty ny vavolombelona mandainga; Fa izay mihaino dia hiteny mandrakariva. **29** Ny ratsy fanahy mampiseho ny fahasahisahiany amin' ny tarehiny; Fa ny marina kosa dia mihevitra izay halehany. **30** Tsy misy fahendrena, na fahalalana, Na fisainana mahaleo an' i Jehovah. **31** Voaomana ny soavaly ho amin' ny andro iadiana; Fa an' i Jehovah ihany ny fandresena.

22 Aleo ho tsara laza toy izay ho be harena, Ary tsara ny fitia noho ny volafotsy sy ny volamena. **2** Mihaona ny manan-karena sy ny malahelo; Fa Jehovah no Mpanao azy roa tonta. **3** Ny mahira-tsaina mahatsinjo ny loza ka miery; Fa ny kely saina kosa mandroso ka voa. **4** Ny valin' ny fanetren-tena sy ny fahatahorana an' i Jehovah Dia harena sy voninahitra ary fiainana. **5** Tsilo sy fandrika no amin' ny alehan' ny maditra; Fa izay te-hiaro ny ainy dia manalavitra izany. **6** Zaro amin' izay lalana tokony halehany ny zaza, Ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin' izany. **7** Ny manan-karena dia manapaka ny malahelo, Ary izay misambotra dia mpanompon' ny mampisambotra. **8** Izay mamafy heloka dia hijinja fahoriana, Ary ho levona ny tsorakazon' ny fahatezerany. **9** Izay manana maso miantra hotahina, Satria anomezany ho an' ny malahelo ny haniny. **10** Roahy ny mpaniratsira, dia ho afaka ny fifandirana, Eny, hitsahatra ny ady sy ny fahafaham-baraka. **11** Izay tia fahadiovam-po, dia milaza soa ny molony. Sady sakaizan' ny mpanjaka izy. **12** Ny mason' i Jehovah miaro ny manam-pahalalana; Fa ny tenin' ny mpivadika dia foanany. **13** Hoy ny malaina: Misy liona any ivelany; Ho fatin' ny sasany any an-dalambe aho. **14** Ny vavan' ny vehivavy jejo dia lavaka lalina; Izay voaozon' i Jehovah no ho latsaka ao. **15** Miraikitra amin' ny fon' ny zaza ny hadalana; Fa ny tsorakazo famaizana no hampanalavitra izany aminy. **16** Izay mampahory ny malahelo dia mampitombo ny hareny; Fa izay manome ho an' ny manana kosa dia mampihena ny hareny. **17** Atongilano ny sofinao, ka henoy ny tenin' ny hendry, Ary ampitandremo ny fahalalako ny fonao; **18** Fa mahafinaritra raha voatahirinao ao an-kibonao izany, Koa aoka samy ho eo amin' ny molotrao. **19** Hianao dia ianao no nampahafantariko izany, Mba hitokianao amin' i Jehovah. **20** Tsy efa nanoratra zava-tsoa ho anao va aho, Izay misy hevitra tsara sy fahalalana, **21** Mba hampahafantariko ny fahamarinan' ny teny mahatoky ianao, Sy hahazoanao teny holazaina amin' izay naniraka anao? **22** Aza manosihosy ny malahelo, saingy malahelo izy; Ary aza dia manifakifa ny ory eo am-bavahady; **23** Fa Jehovah anie ka hisolo vava azy amin' ny adiny. Ary hanimba ny ain' izay manimba azy. **24** Aza misakaiza amin' ny olona mora tezitra, Ary aza miara-dia amin' ny olona foizina, **25** Fandrao ianao mianatra ny fanaony Ka mahazo fandrika ho an' ny ainao. **26** Aza mety ho isan' ny mifandray tanana, Na izay miantotrosa; **27** Raha tsy manan-kaloa ianao, Nahoana no dia halainy ny lafika andrianao? **28** Aza manakisaka ny faritany ela, Izay naorin' ny razanao. **29** Mahita olona mailaka amin' ny raharahany va ianao? Eo anatrehan' ny mpanjaka no hitsanganany, Fa tsy hitsangana eo anatrehan' ny olona ambany izy.

23 Raha mipetraka hiara-komana amin' ny mpanapaka ianao, Dia hevero tsara izay eo anatrehanao, **2** Ka andraso antsy ny tendanao, Raha dia liana loatra ianao. **3** Aza mitsiriritra ny hanim-piny, Fa hani-mamitaka izany. **4** Aza manasa-tena hanan-karena, Aza entina amin' izany ny fahendrenao. **5** Moa hampanarahinao azy va ny masonao, nefa tsy ao intsony izy? Fa maniry elatra tokoa izy Ka manidina toy ny voromahery ho eny amin' ny lanitra. **6** Aza homana ny mofon' izay ratsy fijery, Ary aza mitsiriritra ny hanim-piny; **7** Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany: Hoy izy aminao: Mihinàna, misotroa; Kanjo tsy sitrany ianao. **8** Izay sombiny kely voatelinao aza dia mbola haloanao, Ka ho very foana ny teny mahafinaritra nataonao. **9** Aza miteny amin'ny adala; Fa hohamavoiny foana ny

fahendren' ny teninao. **10** Aza manakisaka ny fari-tany ela, Ary aza manitatra mankamin' ny sahan' ny kamboty; **11** Fa mahery ny Mpanavotra azy, Izy no hisolo vava azy amin' ny adiny aminao. **12** Ampiekeo famaizana ny fonao, Sy tenim-pahalalana ny sofinao. **13** Aza tsy manafay zanaka, Fa tsy dia ho faty izy tsy akory na dia asianao ny hazo aza; **14** Raha mamely azy amin' ny hazo ianao, Dia ho voavonjinao tsy ho any amin' ny fiainan-tsi-hita ny fanahiny. **(Sheol h7585)** **15** Anaka, raha hendry ny fonao, Dia ho faly koa ny foko, dia ny foko; **16** Eny, ho ravoravo ny fanahiko, Raha miteny marina ny molotrao. **17** Aoka tsy hialona ny mpanota ny fonao; Fa matahora an' i Jehovah mandritra ny andro; **18** Fa raha mbola hisy koa ny farany, Dia tsy ho foana ny fanantenanao. **19** Mihainoa ianao, anaka, ka hendre, Ary ampizory amin' ny lalana ny fonao. **20** Aza misakaiza amin' izay mpiboboka divay Sy izay fatra-pitia hena; **21** Fa halahelo izay mpiboboka sy izay fatra-pitia hena; Ary ny fitiavan-torimaso mampitafy voro-damba. **22** Maneke ny rainao izay niteraka anao. Ary aza manamavo ny reninao, saingy efa antitra izy. **23** Vidio ny marina, ka aza amidy, Dia ny fahendrena sy ny fananarana ary ny fahazavan-tsaina. **24** Hifaly dia hifaly ny rain' ny marina, Ary izay miteraka zaza hendry hanampifaliana aminy. **25** Aoka ho faly ny rainao sy ny reninao, Eny, aoka ho ravoravo ny reninao izay niteraka anao. **26** Anaka, atolory ahy ny fonao, Ary aoka ny masonao ho faly mijery ny lalako; **27** Fa ny vehivavy jejo dia hady lalina, Ary ny vahiny janga lavaka etỳ; **28** Eny, manotrika toy ny jiolahy ireny Ary mahamaro ny olona mpivadika. **29** An' iza ny Indrisy? An' iza ny Endrey? An' iza ny fifandirana? An' iza ny fitolokoana? An' iza ny ratra tsy ahoan-tsy ahoana? An' iza ny maso mivoara-mena? **30** An' izay mikikitra amin' ny divay, Eny, an' izay mandeha hanandrana divay voaharoharo zavatra. **31** Aza mijery ny divay noho ny hamenany Sy ny fanganohanony eo anaty gilasy Ary ny fikoriany mahafinaritra; **32** Fa amin' ny farany dia hanaikitra toy ny bibilava izy Ary hanindrona toy ny menarana. **33** Koa ny masonao dia hijery vehivavy jejo, Ary ny fonao hieritreri-dratsy. **34** Eny, ho sahala amin' izay mandry ao amin' ny ranomasina ianao Sady ho tahaka izay mandry eo an-tendron' ny andrin-tsambo. **35** Nokapohiny aho, hoy ianao, fa tsy reko naharary ahy, Nandalasiny aho, fa tsy tsaroako; Rahoviana ange aho no hifoha mba hitadiavako azy indray?

24 Aza mialona ny olona ratsy fanahy, Na maniry ho namany; **2** Fa fandravana no saintsainin' ny fony, Ary fampahoriana notenenin' ny molony. **3** Fahendrena no anaovana trano; Ary fahalalinan-tsaina no mampaharitra azy; **4** Sady fahalalana no hamenoana ny efi-trano Amin' izay harena soa sy mahafinaritra rehetra. **5** Be hery ny lehilahy hendry, Eny, mitombo hery ny olona manam-pahalalana; **6** Fa ny fahaizana mandamina tsara no entonao miady, Ary raha maro ny mpanolo-tsaina, dia misy famonjena. **7** Avo tsy takatry ny adala ny fahendrena, Tsy mba mahaloa-bava eo am-bavahady izy. **8** Izay misaintsaina hanao ratsy Dia atao hoe mpamoron-tsain-dratsy. **9** Ota ny fikasan' ny hadalana; Ary fahavetavetana eo imason' ny olona ny mpaniratsira. **10** Raha reraka amin' ny andro fahoriana ianao, Dia kely ny herinao. **11** Vonjeo izay entina hovonoina, Ary enga anie ka mba harovanao izay mangozohozo efa ho mby eo am-pamonoana! **12** Raha hoy ianao: Tsia, tsy mahalala izany izahay, Moa Izay mandanja ny fo tsy hihevitra izany va? Ary Izay mandinika ny fanahinao tsy hahalala izany va? Eny, hovaliany araka ny ataony avy ny olona rehetra. **13** Anaka, homàna tantely, fa tsara izany, Ary ny toho-tantely, fa ho mamy eo am-bavanao; **14** Ary aoka ho toy izany no hianaranao fahendrena ho an' ny fanahinao; Fa raha azonao izany, dia hisy hiafarana, Ka tsy ho foana ny fanantenanao. **15** Aza manotrika ao akaikin' ny tranon' ny marina ianao, ry ilay ratsy, Aza ravanao ny fonenany; **16** Fa potraka im-pito ny marina, nefa tafarina ihany; Ary ny ratsy fanahy kosa solafaka, raha azom-pahoriana. **17** Aza faly, raha lavo ny fahavalonao, Ary aza ravoravo ny fonao, raha tafintohina izy; **18** Fandrao hitan' i Jehovah izany ka ataony ho ratsy, Ary ampialainy aminy ny fahatezerany. **19** Aoka tsy hirehitra ny fahatezeranao noho ny amin' ny mpanao ratsy, Ary aza mialona ny ratsy fanahy; **20** Fa tsy hisy fanantenana ho an' ny ratsy; Eny, ho faty ny jiron' ny ratsy fanahy. **21** Anaka, matahora an' i Jehovah sy ny mpanjaka; Ary aza mikambana amin' izay miovaova; **22** Fa ho tampoka no hitrangan' izay hanjo ireny; Ary iza no mahalala izay loza hiseho amin' ny androny? **23** Izao koa no tenin' ny hendry: Tsy mety raha mizaha tavan' olona amin' ny fitsarana. **24** Izay manao amin' ny meloka hoe: Marina ianao, Dia hozonin' ny olona sady ho halan' ny firenena; **25** Fa izay mitsara marina kosa no hahita soa sy hahazo fitahiana tsara. **26** Izay mahavoa tsara amin' ny famaliana dia manoroka ny molotra. **27** Amboary ny asanao any ivelany, Ary ataovy lavorary ny any an-tsaha; Ka rehefa vita izany, dia mahazo manao ny tranonao ianao. **28** Aza mety ho vavolombelona foana hanameloka ny namanao; Moa hamitaka amin' ny molotrao va ianao? **29** Aza manao hoe: Araka izay nataony tamiko no mba hataoko aminy kosa, Hovaliako ny olona araka izay nataony. **30** Nandalo ny sahan' ny kamo Sy ny tanim-boaloboky ny tsy ampy saina aho; **31** Ary, indro, feno sampivato izy Sady voasaron' ny amiana, Ary nirodana ny ampiantany vatony. **32** Dia nojereko ka noheveriko tsara, Eny, hitako ka nahazoako anatra. **33** Mbola hatory kely ihany, mbola ho renoka kely ihany. Mbola hanohon-tanana kely hatory; **34** Dia ho tonga toy ny mimaona hamely ny alahelonao, Ary ny fahantranao ho toy ny jiolahy.

25 Izao koa no ohabolan' i Solomona, izay nangonin' ny olon' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda: **2** Voninahitr' Andriamanitra ny manafin-javatra; Fa voninahitry ny mpanjaka kosa ny mamanta-javatra. **3** Ny hahavon' ny lanitra sy ny halalin' ny tany Ary ny fon' ny mpanjaka dia samy tsy azo fantarina avokoa. **4** Esory ny taim-bolafotsy, Dia hisy fanaka ho an' ny mpanao an-idina. **5** Esory ny ratsy fanahy tsy ho eo anatrehan' ny mpanjaka, Dia hampitoerina amin' ny fahamarinana ny seza fiandrianany. **6** Aza manandra-tena eo anatrehan' ny mpanjaka, Ary aza mitoetra eo amin' ny fitoeran' ny lehibe; **7** Fa aleo ianao

hantsoina hoe: Miakara atỳ, Toy izay hatambotsotra eo imason' ny manan-kaja izay hitan' ny masonao. **8** Aza maika handeha hiady, Fandrao tsy ho fantatrao izay hataonao amin' ny farany, Rehefa omen' ny namanao henatra ianao. **9** Miadia ihany ny adinao amin' ny namanao, Kanefa aza aseho izay tsy tian' ny sasany holazaina, **10** Fandrao izay mandre hanondro maso anao, Ka tsy ho afaka aminao ny laza ratsy. **11** Ny teny atao amin' ny antony dia poma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra. **12** Kavim-bolamena sy firavaka volamena tsara Ny mpananatra hendry, raha amin' ny sofina mihaino. **13** Toy ny hatsiaky ny oram-panala amin' ny taom-pijinjana, Dia toy izany ny iraka mahatoky amin' izay naniraka azy, Fa mamelombelona ny fon' ny tompony izy. **14** Toy ny rahona sy ny rivotra tsy misy orana Ny olona izay mirehaka amin' ny fizaram-bava. **15** Ny fahari-po no ahazoana mampanaiky ny mpitsara, Ary ny vava malefaka mahatapa-taolana. **16** Mahita tantely va ianao? Hano izay antonona anao, Fandrao voky loatra ianao ka handoa azy. **17** Aza miditra matetika ao an-tranon' ny namanao, Fandrao tofoka anao izy, ka ho halany ianao. **18** Langilangy sy sabatra ary zana-tsipìka maranitra Ny olona izay mitsangana ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namany. **19** Toy ny nify nahasimatsimahana sy ny tongotra mangozohozo Ny fahatokiana ny mpamitaka amin' ny andro fahoriana. **20** Toy ny miala lamba amin' ny hatsiaka, Ary toy ny vinaingitra amin' ny sirahazo, Dia toy izany ny mikalo amin' ny malahelo am-po. **21** Raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; Ary raha mangetaheta izy, omeo rano hosotroiny; **22** Fa raha manao izany ianao, dia hanambatra vainafo ho eo an-dohany, Ary Jehovah no hamaly soa anao. **23** Ny rivotra avy any avaratra mahatonga ranonorana, Dia toy izany, ny lelan' ny mpifosa mampahavinitra endrika. **24** Aleo mitoetra eo an-joron' ny tampontrano Toy izay miray trano amin' ny vehivavy tia ady. **25** Rano mangatsiaka amin' ny fanahy reraka Ny filazana soa avy any an-tany lavitra. **26** Loharano voahosihosy sy fantsakana simba Ny marina izay mikoy ny ratsy fanahy, **27** Tsy tsara raha mahery homana tantely; Fa ny fitadiavan' ny olona ny voninahiny dia tsy voninahitra. **28** Tanàna rava tsy misy manda Ny lehilahy izay tsy mahatsindry ny fanahiny.

26 Toy ny oram-panala amin' ny lohataona, Ary toy ny ranonorana amin' ny taom-pijinjana, Dia toy izany ny voninahitra tsy tandrifiny ho an' ny adala. **2** Toy ny vorona mivezivezy sy ny sidintsidina manidina, Dia toy izany ny fanozonam-poana: tsy mba hihatra izany. **3** Ny karavasy ho amin' ny soavaly ny lamboridy ho amin' ny boriky, Ary ny tsorakazo kosa ho amin' ny lamosin' ny adala. **4** Aza mamaly ny adala araka ny hadalany, Fandrao mba adala tahaka azy koa ianao. **5** Valio ny adala araka ny hadalany, Fandrao dia manao azy ho hendry izy **6** Manapaka ny tongony sady misotro loza Izay mampitondra teny ny adala. **7** Mikepikepika ny tongotry ny malemy tongotra, Dia toy izany ny ohabolana eo am-bavan' ny adala. **8** Toy ny manisy vato eo amin' ny antsamotady, Dia toy izany ny manome voninahitra ny adala. **9** Toy ny tsilo eny an-tànan' ny olona mamo, Dia toy izany ny ohabolana eo am-bavan' ny adala. **10** Ny mpiasa mahay dia mahavita ny zavatra isan-karazany; Fa izay manakarama ny adala dia toy ny manakarama izay sendra mandalo. **11** Toy ny amboa miverina amin' ny loany, Dia toy izany ny adala miverina amin' ny hadalany. **12** Hitanao va ny olona manao azy ho hendry? Ny adala misy hantenaina kokoa noho izy. **13** Hoy ny malaina: Misy liona any an-dalana, Misy liona atsy an-dalambe. **14** Toy ny varavarana mihodìna amin' ny saviliny, Dia toy izany ny kamo eo amin' ny fandriany, **15** Ny malaina mangarona ny eo an-doviany, Nefa ny hampakatra azy ho amin' ny vavany dia mahasasatra azy. **16** Ny kamo manao ny tenany ho hendry mihoatra noho ny olona fito izay mahavaly tsara. **17** Izay mandalo ka mitsaraingona amin' ny ady tsy azy Dia mandroritra amboa amin' ny sofiny. **18** Toy ny adala izay manely afo sy zana-tsipìka ary fahafatesana, **19** Dia toy izany ny olona mamitaka ny namany ka manao hoe: Tsy vosobosotra ihany va no ataoko? **20** Raha tsy misy kitay intsony, dia maty ny afo; Ary raha tsy misy mpifosafosa intsony, dia mitsahatra ny fifandirana. **21** Toy ny arina atao amin' ny vainafo sy ny kitay hazo atao amin' ny afo, Dia toy izany, ny olona tia ady mandrehitra fifandirana. **22** Ny tenin' ny mpifosafosa dia toy ny hanim-py ka mikorotsaka ao anaty kibo indrindra. **23** Tavim-bilany misy ankosotra taim-bolafotsy ny molotra mihatsaravelatsihy sy ny fo ratsy. **24** Ny mpandrafy dia mody ho hafa amin' ny molony Sady manafim-pitaka ao am-pony; **25** Koa na dia miteny soa aza izy, aza mino azy; Fa fahavetavetana fito no ao am-pony. **26** Ny lolompo dia miafina ao amin' ny fitaka; Nefa ny haratsiany dia haharihary eo am-pahibemaso. **27** Izay mihady lavaka no ho latsaka ao, Ary izay manakodiadia vato no hikodiavany kosa. **28** Halan' ny lela mandainga izay efa nampahoriny, Ary ny vava mandrobo dia mampidi-doza.

27 Aza mirehareha ny amin' ny ho ampitso ianao; Fa na dia ny havoaky ny anio aza tsy fantatrao. **2** Aoka ny olon-kafa no hidera anao, fa tsy ny vavanao, Eny, ny vahiny, fa tsy ny molotrao. **3** Mavesatra ny vato, ary mavesa-danja ny fasika; Fa ny fahasosoran' ny adala dia manoatra noho izy roa tonta. **4** Masiaka ny fahavinirana, ary misafoaka ny fahatezerana; Fa iza no mahajanona eo anatrehan' ny fahasaro-piaro? **5** Aleo anatra imaso Toy izay fitia afenina. **6** Azo itokiana hahasoa ny fery ataon' ny sakaiza; Fa tena fitaka ny fanorohan' ny fahavalo. **7** Hitsakitsahin' ny voky na dia ny toho-tantely aza; Fa mamin' ny noana na dia ny zava-mangidy rehetra aza. **8** Toy ny voron-kely miala amin' ny akaniny ka mirenireny, Dia toy izany ny olona izay mirenireny miala amin' ny fonenany. **9** Ny diloilo sy ny zava-manitra mahafaly ny fo, Ary ny hamamin' ny sakaiza dia avy amin' ny ana-panahy ataony. **10** Aza mahafoy ny sakaizanao, na ny sakaizan-drainao, Ary aza mankany amin' ny tranon' ny rahalahinao amin' ny andro fahorianao; Fa tsara ny namana akaiky noho ny rahalahy lavitra. **11** Anaka, hendre, ary ampifalio ny foko, Mba hamaliako izay miteny ratsy ahy. **12** Ny mahira-tsaina mahatazana ny loza ka miery; Fa ny kely saina kosa mandroso ka voa. **13** Alao ny lambany, fa efa niantoka

olon-kafa izy, Ary tano ho solon' ny vahiny janga niantohany izy. **14** Izay mifoha maraina koa ka misaotra ny sakaizany amin' ny feo mahery, Dia isaina ho fanozonana izany. **15** Tahaka ny fijononoky ny ranonorana be Ny vehivavy tia ady. **16** Izay misakana azy dia toy ny misakana ny rivotra, Sady toy ny mamihina diloilo ny tànany ankavanana. **17** Ny vy maharanitra ny vy, Toy izany, ny olona maharanitra ny tarehin' ny sakaizany. **18** Izay miaro aviavy dia hihinana ny voany; Ary izay miambin-tompo dia homem-boninahitra. **19** Toy ny tandindona eny anaty rano mifanahaka amin' ny tarehy, Dia toy izany no ifanahafan' ny fon' ny olona amin' ny an' olona. **20** Ny fiainan-tsi-hita sy ny fandringanana tsy mety voky, Dia toy izany no tsy ahamamoan' ny mason' ny olona. **(Sheol h7585)** **21** Ny memy ho an' ny volafotsy, Ny fandrendrehana ho an' ny volamena, Ary ny toetry ny olona dia tsy maintsy ho araka izay zavatra derainy. **22** Na dia miara-totoinao ny fanoto amin' ny vary eo andaona aza ny adala, Dia tsy mba hiala aminy tsy akory ny fahadalany. **23** Fantaro tsara ny tarehin' ny ondry aman' osinao, Ary miahia tsara ny andian' ny bibinao; **24** Fa ny harena tsy ho mandrakizay; Ary moa haharitra ho amin' ny taranaka rehetra va ny satro-boninahitra? **25** Na dia lany aza ny ahitra, ka mitsiry ny solofony, Ary voataona ny zava-maniry any an-tendrombohitra, **26** Ny zanak' ondry dia hahazoanao fitafiana, Ary ny osy hamidinao tany; **27** Ary ho ampy hosotroinao ny rononon' osy Sy ho an' ny ankohonanao, Ary hisy hiveloman' ny ankizivavinao.

28 Ny ratsy fanahy mandositra, na dia tsy misy manenjika aza; Fa ny marina kosa dia matoky toy ny liona tanora. **2** Ny fahotan' ny tany mahamaro mpanapaka; Fa ny fisian' ny olona manan-tsaina kosa no mampahateza ny fanjakana. **3** Ny malahelo izay mampahory ny mahantra Dia toy ny ranonorana izay manindao ka tsy maha-misy hanina. **4** Izay mahafoy ny lalàna dia mandoka ny ratsy fanahy; Fa izay mitandrina ny lalàna dia mirehitra amin' ny fanoherana azy. **5** Ny ratsy fanahy dia tsy mahalala rariny; Fa izay mitady an' i Jehovah no mahalala ny zavatra rehetra. **6** Ny malahelo izay mandeha amin' ny fahitsiany Dia tsara noho ny manan-karena izay mivadika ka mandeha amin' ny lalana miolikolika. **7** Izay mitandrina ny lalàna no zanaka hendry; Fa izay misakaiza amin' ny mpandany harena dia manome henatra ny rainy. **8** Izay mampitombo ny fananany amin' ny zana-bola sy ny tombony Dia mamory ho an' izay miantra ny malahelo **9** Izay manentsin-tadiny tsy hihaino ny lalàna, Na ny fivavahany aza dia fahavetavetana. **10** Izay mampivily ny mahitsy ho amin' ny lalan-dratsy Dia ho lavo amin' ny lavaka nataony; Fa ny tsy misy tsiny no handova ny soa. **11** Ny manan-karena manao azy ho hendry; Fa ny malahelo izay manan-tsaina dia hizaha toetra azy. **12** Raha ravoravo ny marina, dia be ny famirapiratana; Fa raha misandratra kosa ny ratsy fanahy, dia miery ny vahoaka. **13** Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; Fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindrampo. **14** Sambatra izay olona matahotra mandrakariva; Fa izay manamafy ny fony no hidiran-doza. **15** Liona mierona sy bera miremby Ny mpanapaka ratsy fanahy amin' ny olona reraka. **16** Ny mpanapaka tsy ampy saina dia mahery mampahory; Izay mankahala ny fieremana no ho ela velona. **17** Izay itambesaran-keloka noho ny fandatsahan-drà dia handositra hatrany an-davaka; Aoka tsy hisy hihazona azy. **18** Izay mandeha tsy misy tsiny no ho voavonjy; Fa izay mivadika ka mandeha amin' ny lalana miolikolika no ho lavo tampoka. **19** Izay miasa ny taniny dia ho voky hanina Fa izay manaraka ny olom-poana ho voky alahelo kosa. **20** Izay olona mahatoky tokoa dia ho be fitahiana; Fa izay maimay ta-hanan-karena dia tsy maintsy hohelohina. **21** Tsy mety raha mizaha tavan' olona; Kanefa na dia amin' ny sombin-kanina ihany aza dia sahin' ny olona hanotana. **22** Ny mpialona dia maimay ta-hanan-karena; Tsy fantany fa hanjo azy ny alahelo. **23** Izay mananatra olona no hahazo fitia be rahatrizay Noho izay mandrobo amin' ny lelany. **24** Izay mandroba ray sy reny Ka manao hoe: Tsy heloka izany, Dia naman' ny mpanimba. **25** Izay mierina manetsika ady; Fa izay matoky an' i Jehovah dia hohatavezina. **26** Izay matoky ny fony dia adala; Fa izay mandeha amin' ny fahendrena no ho afa-miala. **27** Izay manome ny malahelo tsy hanan-java-mahory; Fa izay mitampi-maso hahazo ozona be; **28** Raha misandratra ny ratsy fanahy, dia miery ny vahoaka; Fa raha ringana kosa izy, dia mihamaro ny marina.

29 Izay olona anarina matetika ka mihamafy hatoka Dia ho torotoro tampoka, ka tsy hisy fahasitranana. **2** Raha mihamaro ny marina, dia faly ny vahoaka; Fa raha ny ratsy fanahy no manapaka, dia misento kosa izy. **3** Izay tia fahendrena no mahafaly ny rainy; Fa izay misakaiza amin' ny vehivavy janga dia mandany harena. **4** Ny rariny no ampandrian' ny mpanjaka ny tany; Fa izay mandray tambitamby no mandrava azy kosa. **5** Izay olona mandrobo ny namany Dia mamela-pandrika ny tongony. **6** Misy fandrika amin' ny heloky ny olon-dratsy; Fa ny marina mihoby sy mifaly. **7** Ny marina mihevitra ny adin' ny malahelo; Fa ny ratsy fanahy tsy hahalala fahendrena. **8** Ny mpaniratsira mampihotakotaka ny tanàna; Fa ny hendry mampionona fahatezerana. **9** Raha iadian' ny hendry ny adala, Dia tezitra sy mihomehy izy, ka tsy hisy fitsaharana. **10** Ny olona mpandatsa-drà mankahala ny tsy misy tsiny; Fa ny mahitsy kosa miahy ny ainy. **11** Ny fahatezeran' ny adala dia avoakany avokoa; Fa ny hendry kosa manindry fo. **12** Raha mihaino lainga ny mpanapaka, Dia ho ratsy fanahy ny mpanompony rehetra. **13** Mihaona ny malahelo sy ny mpampahory; Jehovah no manazava ny mason' izy roa tonta. **14** Izay mpanjaka mitsara marina ny malahelo, Dia haharitra mandrakizay ny seza fiandrianany. **15** Ny tsorakazo sy ny anatra no manome fahendrena; Fa ny zaza aranana mampahamenatra ny reniny. **16** Raha maro ny ratsy fanahy, dia mitombo ny ota; Fa ny marina ho faly mahita ny fahalavoany. **17** Faizo ny zanakao, dia ho famelombelomana ny fonao izy Sy ho fifalian' ny fanahinao. **18** Raha tsy misy fahitana, dia atondraka hanaram-po amin' izay tsy mety ny olona; Fa raha mitandrina ny lalàna kosa izy, dia sambatra. **19** Raha teny fotsiny ihany, dia tsy ampy hananarana ny mpanompo; Fa na dia fantany

aza, tsy hankatoaviny. **20** Hitanao va ny olona faingambava? Ny adala aza misy hantenaina kokoa noho izy. **21** Ny mpanompo izay nampihantaina hatry ny fony mbola kely Dia hihambo ho zanaka any am-parany. **22** Ny olona mora tezitra manetsika ady; Ary ny olona masiaka dia be fahadisoana. **23** Ny fiavonavonan' ny olona no hampietry azy; Fa hahazo voninahitra kosa ny manetry tena. **24** Izay miray tetika amin' ny mpangalatra dia manary tena; Mandre ny fampianianana izy, nefa tsy mety milaza. **25** Mamandrika ny tahotra olona; Fa izay matoky an' i Jehovah no hovonjena. **26** Maro no mila sitraka amin' ny mpanapaka; Fa avy amin' i Jehovah ny fitsarana ny olona. **27** Ny meloka dia fahavetavetana eo imason' ny marina; Ary ny mahitsy lalana dia mba fahavetavetana eo imason' ny ratsy fanahy kosa.

30 Ny teny mavesa-danja nataon' i Agora, zanak' i Jake, dia ny teny nataon-dralehilahy tamin' Itiela, eny, tamin' Itiela sy Okala: **2** Izaho dia biby, fa tsy olona, Ary tsy manan-tsain' olombelona aho. **3** Tsy nianatra fahendrena aho, Na nahazo ny fahalalana ny Iray Masìna. **4** Iza no efa niakatra tany an-danitra sady nidina indray? Iza no nahangona ny rivotra tao an-tànany? Iza no nahafono ny rano tamin' ny lambany? Iza no nahamisy ny faran' ny tany rehetra? Iza no anarany, ary iza no anaran' ny zanany? Fa toa fantatrao! **5** Ny tenin' Andriamanitra dia voadio avokoa; Ampinga ho an' izay mialoka aminy Izy. **6** Aza manampy ny teniny, fandrao hanariny ianao Ka ho hita fa mpandainga. **7** Zavatra roa loha no angatahiko aminao; Ka aza lavinao, dieny tsy mbola maty aho: **8** Ampanalaviro ahy ny zavapoana sy ny lainga; Aza manome ahy alahelo na harena; Fahano aho amin' izay anjara-hanina sahaza ho ahy; **9** Fandrao, raha voky aho, dia handà Ka hanao hoe: Iza moa Jehovah? Ary andrao, raha tonga malahelo aho, dia hangalatra Ka hanamavo ny anaran' Andriamanitro. **10** Aza manendrikendrika ny mpanompo amin' ny tompony, Fandrao hozoniny ianao ka hahazo heloka. **11** Misy taranaka izay manozona ny rainy Sady tsy misaotra ny reniny. **12** Misy taranaka manao azy ho madio, Kanjo tsy voasasa ho afaka amin' ny fahalotoany. **13** Misy taranaka, endrey ny fiandrandran' ny masony Sy ny fisondrotry ny hodi-masony! **14** Misy taranaka izay toy ny sabatra ny nifiny, Ary toy ny antsy ny vazany, Hamongotra ny ory tsy ho amin' ny tany Sy ny malahelo tsy ho amin' ny olona. **15** Ny dinta manan-janakavavy roa, dia ny hoe: Omeo, Omeo. Misy zavatra telo tsy mety voky, Eny, efatra aza no tsy manao hoe: Aoka izay: **16** Ny fiainan-tsi-hita; sy ny kibo momba, Ny tany izay tsy vonton-drano, Ary ny afo koa no tsy mba manao hoe: Aoka izay. **(Sheol h7585)** **17** Ny maso izay miandranandrana amin-dray Sady tsy mety manaja reny Dia hotsaingotsaingohin' ny goaika eny an-dohasahan-driaka Ary hohanin' ny zana-boromahery. **18** Misy zavatra telo mahagaga ka tsy takatro, Eny, efatra aza no tsy fantatro: **19** Ny nalehan' ny voromahery teny amin' ny habakabaka, Ny nalehan' ny bibilava teny amin' ny vatolampy, Ny nalehan' ny sambo teny amin' ny ranomasina, Ary ny nalehan' ny lehilahy tamin' ny tovovavy. **20** Tahaka izany koa no fanaon' ny vehivavy mpijangajanga: Homana izy, dia mamafa ny vavany, Ka dia manao hoe: Tsy nanao ratsy aho. **21** Izao fitondrana telo izao no tsy mampandry ny tany, Eny, zavatra efatra aza no tsy zakany; **22** Raha ny andevo no tonga mpanjaka, Raha ny adala no voky hanina, **23** Raha ny vehivavy lany zara no ampakarina, Ary raha ny ankizivavy no mandova ny tompovaviny. **24** Izao zavatra efatra izao dia kely amin' ny etỳ ambonin' ny tany, Nefa hendry sady mahay: **25** Ny vitsika dia firenena tsy matanjaka, Nefa manangona ny haniny amin' ny fahavaratra izy; **26** Ny biby hyraka dia firenena tsy manan-kery, Nefa manao ny tranony ao amin' ny harambato izy; **27** Ny valala tsy manana mpanjaka, Nefa izy rehetra miainga manao antokony tsara; **28** Ny antsiantsy dia mandady amin' ny tànany, Nefa tonga ao an-tranon' ny mpanjaka izy. **29** Misy zavatra telo izay tsara famindra, Eny, efatra aza no tsara fandeha; **30** Dia ny liona, izay mahery indrindra amin' ny biby Ka tsy mihemotra na amin' inona na amin' inona, **31** Ny soavaly voaomana hiady sy ny osilahy Ary ny mpanjaka tsy azo toherina. **32** Raha adala ka nanandratena ianao, Na efa nisaina hanao ratsy, Dia tampeno ny tananao ny vavanao. **33** Ny fanontsankontsanana ny ronono no miteraka rononomandry, Ny fanolanana ny orona no miteraka rà; Ary ny fanetsiketsehana ny fahatezerana no miteraka ady.

31 Ny tenin' i Lemoela mpanjaka, dia ny teny mavesa-danja izay nananaran-dreniny azy. **2** Ahoana, anaka? Ary ahoana, ry zanako naterako? Ary ahoana, ry zanaky ny voadiko? **3** Aza omena ny vehivavy ny herinao, Na ny fombam-piainanao ho an' izay manimba mpanjaka. **4** Tsy mety amin' ny mpanjaka, ry Lemoela, Eny; tsy mety amin' ny mpanjaka ny misotro divay, Na amin' ny mpanapaka ny ho fatra-paniry toaka; **5** Fandrao, raha misotro izy, dia manadino ny lalàna Ka mamily ny fitsarana ny zanaky ny fahoriana. **6** Omeo toaka izay efa ho faty, Eny, divay ho an' izay malahelo azon' ny fangidiam-panahy; **7** Aoka hisotro izy mba hanadinoany ny alahelony, Ary tsy hahatsiarovany ny fahoriany intsony. **8** Sokafy ny vavanao hisolo ny moana, Hahazoan' ny kamboty ny rariny; **9** Sokafy ny vavanao, ka tsarao marina, Ary omeo rariny ny ory sy ny malahelo. **10** Iza no mahita vehivavy tsara? Fa ny tombany dia mihoatra lavitra noho ny voahangy. **11** Matoky azy ny fon' ny lahy, Ary tsy mitsahatra ny fanambinana azy. **12** Soa no ataon-dravehivavy aminy, fa tsy ratsy, Amin' ny andro rehetra iainany. **13** Mizaha volon' ondry sy rongony izy Ary mazoto miasa amin' ny tànany. **14** Toy ny sambon' ny mpandranto izy, Ka avy any amin' ny lavitra no itondrany ny haniny. **15** Mifoha izy, raha mbola alina, Ka manome hanina ho an' ny ankohonany Sy anjara ho an' ny ankizivaviny. **16** Mihevitra saha izy ka mahazo azy; Ny vokatry ny tànany no anaovany tanim-boaloboka. **17** Misikìna hery izy, Ary hatanjahiny ny sandriny. **18** Hitany fa tsara ny tombom-barony, Ary tsy maty jiro mandritra ny alina izy. **19** Mandray ny fihazonam-bohavoha izy, Ary ny tànany mihazona ny ampela. **20** Manatsotra ny tànany amin' ny ory izy, Eny, mamelatra ny tànany amin' ny mahantra.

21 Tsy manahy ny oram-panala ho amin' ny ankohonany
izy, Fa ny ankohonany rehetra samy voatafy volon' ondry
mena avokoa. **22** Manao firakotra ho azy izy; Ny fitafiany
dia rongony fotsy madinika sy lamba volomparasy. **23** Ny
lahy dia hajaina eo am-bavahady, Raha miara-mipetraka
eo amin' ny loholona. **24** Manao akanjo hariry madinika
ravehivavy ka mivarotra izany, Ary fehin-kibo no amidiny
amin' ny mpandranto. **25** Hery sy voninahitra no fitafiany,
Ary ny andro ho avy dia ihomehezany. **26** Manokatra ny
vavany amin' ny fahendrena izy; Ary ny lalàn' ny famindram-
po no eo amin' ny lelany. **27** Mitandrina tsara ny ataon' ny
ankohonany izy Ary tsy homana ny mofon' ny fahalainana.
28 Ny zanany mitsangana ka midera azy hoe sambatra;
Ny lahy koa mitsangana ka midera azy hoe: **29** Maro
no zazavavy nanao soa, Fa ianao manoatra noho izy
rehetra. **30** Fitaka ny fahatsaram-bika, ary zava-poana ny
fahatsaran-tarehy; Fa ny vehivavy matahotra an' i Jehovah
ihany no hoderaina. **31** Omeo azy ny avy amin' ny vokatry
ny tànany; Ary aoka ny asany hidera azy eo am-bavahady.

Mpitoriteny

1 Ny tenin' i Mpitoriteny, zanak' i Davida, mpanjaka tany Jerosalema. **2** Zava-poana dia zava-poana, hoy Mpitoriteny, zava-poana dia zava-poana, eny, zava-poana ny zavatra rehetra! **3** Inona no soa azon' ny olona amin' ny fisasarany rehetra izay isasarany atỳ ambanin' ny masoandro? **4** Lasa ny taranaka iray, ary mandimby kosa ny taranaka iray; fa ny tany mbola maharitra mandrakizay. **5** Ny masoandro koa miposaka ary ny masoandro milentika sady miriotra ho any amin' ny fitoerana izay niposahany. **6** Mianatsimo ny rivotra, dia mihodìna mianavaratra, mivezivezy mandrakariva izy ka miverimberina manodidina indray. **7** Ny renirano rehetra dia samy mankamin' ny ranomasina, nefa tsy tondraka ny ranomasina; any amin' izay falehan' ny renirano ihany no iverenany indray. **8** Maivana ny teny rehetra, ka tsy misy olona mahalaza; ny maso tsy mamo mijery, ary ny sofina tsy mamo mihaino. **9** Izay efa teo ihany no ho tonga indray, ary izay efa natao ihany no mbola hatao indray fa tsy misy zava-baovao akory atỳ ambanin' ny masoandro. **10** Raha misy zavatra azo lazaina hoe: He! ity no vaovao, dia ilay efa teo ela tany amin' ny andro talohantsika ihany izany. **11** Tsy misy fahatsiarovana ny taloha; ary ny ho avy koa dia tsy hotsarovan' izay handimby azy. **12** Izaho Mpitoriteny dia mpanjakan' ny Isiraely tany Jerosalema; **13** ary nampiasaiko ny foko mba hitady sy hikatsaka amim-pahendrena ny zavatra rehetra izay atao atỳ ambanin' ny lanitra; asa mahareraka omen' Andriamanitra hisasaran' ny zanak' olombelona izany. **14** Efa hitako ny zavatra rehetra izay atao atỳ ambanin' ny masoandro; fa, indro, zava-poana sy misambo-drivotra foana izany rehetra izany. **15** Ny meloka tsy mety tonga mahitsy; ary ny tsy ao tsy mba azo isaina. **16** Hoy izaho tamin' ny foko: Indro, izaho nahazo fahendrena be dia be mihoatra noho izay rehetra talohako teto Jerosalema; eny, ny foko nahita ny fahendrena sy ny fahalalana betsaka. **17** Ary nampiasaiko ny foko hahalala fahendrena sy hahalala fahaverezan-tsaina sy fahadalana; dia fantatro fa misambo-drivotra foana koa izany, **18** satria izay be fahendrena dia be alahelo, ary izay mitombo fahalalana dia mitombo fahoriana.

2 Hoy izaho anakampo: Aoka mba hizahako toetra amin' ny hafaliana ianao, ka dia mifalia amin' ny fahitana ny fahafinaretana; kanjo, indro, zava-poana koa izany. **2** Hoy izaho, miantso ny fihomehezana: Fahadalana, ary ny fifaliana hoe: Mahefa inona? **3** Nisaina tato am-poko hamalifaly ny nofoko tamin' ny divay aho (ny foko anefa mbola hitondra azy amin' ny fahendrena ihany) ary hitana ny fahadalana, mandra-pahitako izay tsara ho an' ny zanak' olombelona ka tokony hataony atỳ ambanin' ny lanitra amin' ny andro vitsy iainany. **4** Nanao asa lehibe ho ahy aho, nanao trano, nanao tanim-boaloboka, **5** nanao tanimboly sy saha aho ka namboly hazo fihinam-boa samy hafa karazana tao; **6** nanao kamory aho handemana ny ala be zana-kazo; **7** nahazo ankizilahy sy ankizivavy aho sady nanana ompikely; ary nanana fananana be aho, dia omby sy ondry aman' osy mihoatra noho izay rehetra talohako teto Jerosalema. **8** Nihary volafotsy sy volamena koa aho ary fanaka tsara fananan' ny mpanjaka sy izay avy amin' ny tany samy hafa; ary nahazo mpihiralahy sy mpihiravavy aho mbamin' izay mahafinaritra ny zanak' olombelona, dia vady sy vaditsindrano betsaka. **9** Dia efa nisandratra mihoatra noho izay rehetra talohako teto Jerosalema aho; ary ny fahendreko anefa dia mbola tato amiko ihany. **10** Ary na inona na inona nirin' ny masoko dia tsy nisy narovako taminy; tsy nisakana ny foko tamin' izay mety ho fifaliana aho; fa nahazo hafaliana avy tamin' ny fisasarako rehetra ny foko; ary izany no anjarako avy tamin' ny fisasarako rehetra. **11** Kanefa nitodika aho nandinika ny asa rehetra nataon' ny tanako sy ny fisasarana izay nisasarako, ka, indreo, zava-poana sy misambo-drivotra foana izany rehetra izany, fa tsy nisy nahasoa tatỳ ambanin' ny masoandro. **12** Ary nitodika aho hijery ny fahendrena sy ny fahaverezan-tsaina ary ny fahadalana; fa inona no hataon' ny olona izay handimby ny mpanjaka? Izay efa natao hatramin' ny ela ihany. **13** Dia hitako fa ny fahendrena dia tsara' noho ny fahadalana, toy ny fahatsaran ny mazava noho ny maizina. **14** Ny mason' ny hendry dia eo an-dohany; fa ny adala kosa mandeha amin' ny maizina; nefa hitako fa mitovy ihany ny manjo azy roa tonta. **15** Dia hoy izaho anakampo: Mitovy amin' ny manjo ny adala ihany ny manjo ahy, koa nahoana ary no nanan-tombom-pahendrena aho? Dia hoy izaho anakampo: zava-poana koa izany. **16** Fa samy tsy misy fahatsiarovana mandrakizay na ny hendry na ny adala; fa amin' ny andro ho avy dia samy ho hadino ela izy. Indrisy! samy ho faty na ny adala na ny hendry. **17** Dia efa halako ny aina, satria nataoko ho ratsy ny asa atao atỳ ambanin' ny masoandro; fa zava-poana sy misambo-drivotra foana izy rehetra. **18** Eny, efa halako ny fisasarako rehetra izay nisasarako tatỳ ambanin' ny masoandro, fa havelako ho an' ny olona izay handimby ahy izany, **19** ary iza no mahalala na ho hendry na ho adala izy? Nefa izy no ho tompon' izay rehetra nisasarako sy nataoko tamin' ny fahendreko tatỳ ambanin' ny masoandro. Zava-poana koa izany. **20** Dia nitodika aho hampamoy ny foko amin' ny fahakiviana ny amin' ny fisasarana rehetra izay nisasarako tatỳ ambanin' ny masoandro. **21** Fa misy olona izay misasatra amin' ny fahendrena sy ny fahalalana ary ny fahaizana, nefa ny olona izay tsy nisasatra tamin' izany akory no tsy maintsy hamelany azy ho lovany. Zava-poana sy faharatsiana lehibe koa izany. **22** Fa inona no azon' ny olona amin' ny fisasarany rehetra sy amin' ny fikatsahan' ny fony, izay nisasarany tatỳ ambanin' ny masoandro? **23** Fa ny androny rehetra dia fanaintainana avokoa, ary ny fisasarany dia fahasorisorena; eny, na dia amin' ny alina aza dia tsy manam-pitsaharana ny fony. Zava-poana koa izany. **24** Tsy misy mahasoa ny olona mihoatra noho ny mihinana sy misotro ary ny mampahafinaritra ny tenany amin' ny fisasarany. Izany koa aza dia efa hitako fa avy amin' ny tànan' Andriamanitra **25** (fa iza no mahalany, ary iza no mahazo manaram-po mihoatra noho izaho?). **26** Fa ny olona izay ankasitrahan' Andriamanitra dia omeny fahendrena sy fahalalana ary fifaliana; fa ny mpanota kosa

ampiasainy hanangona sy hamory, mba hisy homeny izay ankasitrahan' Andriamanitra. Zava-poana sy misambo-drivotra foana koa izany.

3 Ny zavatra rehetra samy manana ny fotoany avy, ary samy manana ny androny avy ny raharaha rehetra atỳ ambanin' ny lanitra: **2** Ao ny andro ahaterahana, ary ao ny andro ahafatesana; Ao ny andro ambolena, ary ao ny andro anongotana na nambolena; **3** Ao ny andro amonoana, ary ao ny andro anasitranana; Ao ny andro andravana, ary ao ny andro ananganana; **4** Ao ny andro itomaniana, ary ao ny andro ihomehezana; Ao ny andro isaonana, ary ao ny andro andihizana; **5** Ao ny andro anariam-bato, ary ao ny andro anangonam-bato; Ao ny andro anohonana, ary ao ny andro ifadiana tsy hanohona; **6** Ao ny andro itadiavana, ary ao ny andro ahaverezana; Ao ny andro itehirizana, ary ao ny andro anariana; **7** Ao ny andro andriarana, ary ao ny andro anjairana; Ao ny andro anginana, ary ao ny andro itenenana; **8** Ao ny andro itiavana, ary ao ny andro ankahalana; Ao ny andro iadiana, ary ao ny andro ihavanana. **9** Inona no soa azon' ny miasa amin' izay isasarany? **10** Efa hitako ny asa mampahory izay nomen' Andriamanitra ny zanak' olombelona hisasarany. **11** Ny zavatra rehetra samy nataony ho mendrika amin' ny fotoany avy; ary ny mandrakizay dia efa nataony tao am-pony, kanefa tsy hitan' ny olona ny asan' Andriamanitra hatramin' ny voalohany ka hatramin' ny farany. **12** Fantatro fa tsy misy tsara amin' ny olombelona afa-tsy ny mifaly sy ny manao tsara, raha mbola velona koa izy. **13** Ary koa, raha mihinana sy misotro ary finaritra amin' ny fisasarany rehetra ny olombelona, dia fanomezan' Andriamanitra izany. **14** Fantatro fa izay rehetra ataon' Andriamanitra dia haharitra mandrakizay; tsy azo ampiana ary tsy azo analana izany; ka dia ataon' Andriamanitra matahotra eo imasony ny olona. **15** Izay atao izao dia efa natao fahiny; ary izay mbola ho avy dia efa nisy fahiny ihany koa; ary mbola tadiavin' Andriamanitra indray izay efa lasa. **16** Ary izao koa no efa hitako atỳ ambanin' ny masoandro: ny fitoeran' ny fitsarana nisy faharatsiana tao; ary ny fitoeran' ny fahamarinana nisy faharatsiana koa tao. **17** Hoy izaho anakampo: Samy hotsarain' Andriamanitra na ny marina na ny meloka; fa any dia samy manana ny androny avy ny zavatra rehetra sy ny asa rehetra. **18** Hoy izaho anakampo: Noho ny amin' ny zanak' olombelona izany, mba hizahan' Andriamanitra toetra azy, ka ho hitany fa raha ny tenany ihany, dia biby izy. **19** Fa zavatra sendrasendra foana ny zanak' olombelona, ary zavatra sendrasendra foana koa ny biby, mitovy ihany ny mihatra amin' izy roa tonta; fa toy ny ahafatesan' ny iray no ahafatesan' ny iray koa; eny, iray ihany no fofonaina ananan' izy rehetra; ary tsy misy ihoaran' ny olona noho ny biby; fa samy zava-poana izy rehetra. **20** Izy rehetra samy mankamin' ny fitoerana iray: avy tamin' ny vovoka izy rehetra, ary hiverina ho amin' ny vovoka indray izy rehetra. **21** Iza no mahalala ny fanahin' ny olombelona, na miakatra any ambony izy, na tsia, ary ny fanahin' ny biby, na midìna amin' ny tany izy, na tsia? **22** Dia efa hitako fa tsy misy tsara noho ny ifalian' ny olona amin' ny asany, satria izany no anjarany; fa iza no hampahalala azy izay ho avy any aoriany?

4 Dia hitako koa ny fampahoriana rehetra atao atỳ ambanin' ny masoandro; ary indro ny ranomason' ny ampahorina, sady tsy nisy mpanony azy; ary loza no ataon' ny tanan' ny mpampahory azy, sady tsy nisy mpanony. **2** Ary ny maty izay efa maty ela dia nataoko ho sambatra noho ny velona izay mbola velona, **3** nefa tsara indray noho izy roa tonta aza ny tsy ary, izay tsy nahita ny ratsy atao atỳ ambanin' ny masoandro akory. **4** Ary hitako ny fisasarana rehetra sy ny fahaizan-javatra rehetra, fa avy amin' ny fifampialonan' ny olona izany. Zava-poana sy misambo-drivotra foana koa izany. **5** Ny adala manohon-tanana ka homana ny tenany. **6** Tsara ny eran-tànan' ila misy fiadanana noho ny eran-tànan-droa misy fisasarana sady misambo-drivotra foana. **7** Ary izao koa no zava-poana hitako atỳ ambanin' ny masoandro: **8** Misy mitoetra irery ka tsy mana-namana, eny, tsy manan-janaka na rahalahy aza, nefa tsy misy farany ny fisasarany rehetra, ary ny masony tsy afa-po amin' ny harena, hanaovany hoe: Ho an' iza no isasarako sy tsy ampananako soa ny fanahiko? Zava-poana sy asa mahareraka koa izany. **9** Tsara ny roa noho ny iray; fa misy valiny tsara ny fisasarany. **10** Raha misy lavo izy, dia arenin' ny namany; fa mahantra ny lavo izay tsy manana namana hanarina azy. **11** Ary koa, raha miara-mandry ny roa, dia mafana izy; fa hatao ahoana no hampahafana ny irery? **12** Raha misy maharesy ny irery aza, ny roa tsy ho leony tsy akory; ary ny mahazaka telo olana tsy mora tapahina. **13** Aleo zatovo malahelo hendry toy izay mpanjaka antitra adala ka tsy laitra anarina intsony; **14** fa avy ao an-tranomaizina no nivoahany hanjaka, na dia nateraka tamin' alahelo tamin' ny fanjakany aza izy. **15** Hitako ny miaina rehetra izay miriaria atỳ ambanin' ny masoandro manotrona ilay zazalahy dia ilay faharoa izay mitsangana handimby ny teo. **16** Tsy hita isa ny olona rehetra, dia izay rehetra anjakany; nefa izay any aoriana tsy mba hifaly aminy; fa zava-poana sy misambo-drivotra foana koa izany.

5 Tandremo ny tongotrao, raha mankao an-tranon' Andriamanitra ianao; fa ny manatona hihaino no tsara noho ny fanateran' ny adala fanatitra; fa tsy fantatr' ireny ho manao ratsy izy. **2** Aza haingam-bava, ary aza malaky manonona teny eo anatrehan' Andriamanitra ny fonao; fa Andriamanitra dia any an-danitra ary ianao etỳ an-tany, koa aoka ho vitsy ny teninao. **3** Fa ny haben' ny fisasarana no mahatonga ny nofy; ary ny haben' ny teny no isehoan' ny rediredin' ny adala. **4** Raha mivoady amin' Andriamanitra ianao, aza manao ampitso lava: fa tsy ankasitrahany ny adala; koa efao ny voadinao. **5** Aleo tsy mivoady toy izay mivoady ka tsy mahefa. **6** Aza avela hahatonga heloka amin' ny tenanao ny vavanao; ary aza manao eo imason' ny anjely hoe: Niteny tsy nahy aho; nahoana no ho tezitra amin' ny teninao Andriamanitra ka hanimba ny asan' ny tananao? **7** Fa amin' ny haben' ny nofy dia misy zava-poana; ary toy izany koa ny haben' ny teny, fa Andriamanitra no atahory. **8** Raha hitanao ny fampahoriana ny malahelo

sy ny famadihana ny fitsarana sy ny rariny amin' ny tany, dia aza gaga amin' izany; fa misy ambony kokoa mibanjina ny ambony, ary mbola misy ambony noho ireo indray aza. **9** Fa na dia izany rehetra izany aza, dia mahasoa ny tany ny fisian' ny mpanjaka amin' izay tany volena. **10** Izay tia vola tsy hety ho voky vola; ary izay fatra-pitia harena be tsy hety ho vokin' ny fitomboan-karena; fa zava-poana koa izany. **11** Raha mitombo ny fananana, dia mitombo koa ny mpihinana azy; ary inona no soa azon' ny tompony, afa-tsy ny mijery maso azy fotsiny ihany? **12** Mamy ny torimason' ny mpiasa, na homan-kely na homam-be izy; fa ny haben' ny ananan' ny manan-karena kosa no tsy ahitany tory. **13** Misy ratsy mahory efa hitako atỳ ambanin' ny masoandro, dia harena tehirizin' ny tompony, nefa mampidi-doza amin' ny tenany; **14** sady levona izany harena izany noho ny loza manjo; ary miteraka zazalahy ralehilahy nefa tsy misy na inona na inona eny an-tànany, **15** Toy ny nivoahany mitanjaka avy tany an-kibon-dreniny, dia toy izay nihaviany ihany no hiverenany; ary tsy hisy na inona na inona ho entin' ny tànany ho valin' ny fisasarany. **16** Dia ratsy mahory koa izany, fa toy izay nihaviany indrindra no handehanany; ary inona no soa azony noho ny nisasarany ho an' ny rivotra? **17** Ary koa, homa-maizina amin' ny androny rehetra izy sady manana alahelo be sy fahoriana ary fahasosorana. **18** Indro, efa hitako izay soa sy izay tsara, dia ny mihinana sy misotro ary mifaly amin' ny fisasarana rehetra izay isasaran' ny olona atỳ ambanin' ny masoandro amin' izay andro vitsy iainany omen' Andriamanitra azy; fa izany no anjarany. **19** Ary koa, ny olona rehetra izay omen' Andriamanitra vola aman-karena sady omeny fahefana hihinanany azy sy hahazoany ny anjarany sy hifaliany amin' ny fisasarana, dia fanomezan' Andriamanitra izany. **20** Fa tsy hahatsiaro loatra ny andro niainany izy, satria ny fahafinaretan' ny fony no avalin' Andriamanitra azy.

6 Misy ratsy efa hitako atỳ ambanin' ny masoandro, ary mitambesatra amin' ny olona izany: **2** dia olona izay omen' Andriamanitra vola aman-karena sy voninahitra, ka tsy misy tsy ananany na inona na inona iriny, nefa tsy omen' Andriamanitra fahefana hihinana amin' izany izy, fa olon-kafa no homana azy; zava-poana sy ratsy mahory koa izany. **3** Na dia misy miteraka zaza zato aza sady tratrantitra, ka efa maro ny andro niainany, nefa tsy mba voky soa ny fanahiny, sady tsy mba alevina akory ny fatiny, dia hoy izaho: Ny tsy tonga volana dia tsara kokoa noho izy. **4** Fa toa zava-poana no nihavian' io, ary mandeha ao amin' ny maizina izy, sady ho voasaron' ny aizina ny anarany, **5** ary koa, tsy nahita na nahalala ny masoandro akory izy, mahita fitsaharana bebe kokoa noho ilay teo izy. **6** Eny, na dia tratra arivo taona indroa aza izy, nefa tsy nahita soa, tsy ho any amin' ny fitoerana iray ihany va no alehan' izy rehetra? **7** Ny fisasarana rehetra ataon' ny olona dia ho an' ny vavany ihany, nefa tsy mety afa-po ny faniriany. **8** Fa inona no soa azon' ny hendry noho ny adala? Inona no azon' ny malahelo izay mahay mitondra tena eo imason' ny velona? **9** Ny fahitan' ny maso dia mahafinaritra noho ny firenirenin' ny faniriana. Zava-poana sy misambo-drivotra foana koa izany. **10** Izay efa teo dia voalaza anarana hatry ny fony ela, ary fantatra fa ny olona dia tsy mahazo mifandahatra amin' izay mahery noho izy. **11** Fa maro ny zavatra mahabe ny zava-poana, koa inona no soa azon' ny olona? **12** Fa iza no mahalala izay mahasoa ny olona amin' izao fiainana izao, dia ny andro vitsy mandalo foana izay laniny toy ny fihelin' ny aloka? Fa iza no hahalaza amin' ny olona izay zavatra ho avy any aoriany atỳ ambanin' ny masoandro?

7 Tsara ny laza soa noho ny menaka manitra; ary ny andro ahaterahana tsy mahaleo ny andro ahafatesana. **2** Tsara ny mankamin' ny trano misy fisaonana noho ny mankamin' ny trano misy fanasana; fa ho amin' iny no hiafaran' ny olombelona rehetra, ary ny velona handatsaka am-po izany. **3** Tsara ny alahelo noho ny hehy; fa na dia malahelo aza ny tarehy, mety tsara ihany ny fo. **4** Ny fon' ny hendry dia ao amin' ny trano misy fisaonana; fa ny fon' ny adala kosa dia ao amin' ny trano misy fifaliana. **5** Tsara ny mihaino ny anatra mafy ataon' ny hendry noho ny mihaino ny hiran' ny adala. **6** Toy ny firefodrefotry ny tsilo eo ambanin' ny vilany, dia tahaka izany ny fihomehezan' ny adala; zava-poana koa izany. **7** Fa ny fampahoriana dia mahavery saina ny hendry; ary ny kolikoly mahasimba ny fo. **8** Tsara ny iafaran' ny raharaha noho ny iandohany; tsara ny mahari-po noho ny miavanavom-panahy. **9** Aoka tsy halaky tezitra ny fanahinao; fa ny fahatezerana mitoetra ao an-tratran' ny adala. **10** Aza manao hoe: Ahoana no nahatsara ny andro taloha noho ny ankehitriny? fa tsy avy amin' ny fahendrena no anontanianao izany. **11** Tsara tahaka ny lova ny fahendrena, sady zava-mahasoa ho an' izay mahita masoandro izany. **12** Fa fialokalofana ny fahendrena, ary fialokalofana ny vola; ary ny mahatsara ny fahalalana dia izao: Maharo ny ain' ny manana azy ny fahendrena. **13** Saino ny asan' Andriamanitra; fa iza moa no mahahitsy izay nataony ho meloka? **14** Amin' ny andro mahafaly dia mifalia; ary amin' ny andro mahory mieritrereta; fa nampitanandrifin' Andriamanitra ireo, mba tsy hahitan' ny olona akory izay ho avy any aoriany. **15** Izao rehetra izao dia efa hitako tamin' ny androko mandalo foana: misy marina maty amin' ny hamarinany; ary misy meloka ela velona amin' ny haratsiany. **16** Aza marina loatra, ary aza miseho ho hendry loatra; nahoana noho simbanao ny tenanao? **17** Aza ratsy loatra ianao, ary aza adala; nahoana no ho faty ianao, raha tsy efa tonga ny andronao? **18** Tsara raha mitana iroa ianao, nefa aza mampiala ny tananao amin' itsy; fa izay matahotra an' Andriamanitra dia ho afaka amin' izany rehetra izany. **19** Ny fahendrena no maharo ny hendry mihoatra noho ny mpanapaka folo ao an-tanàna. **20** Fa tsy misy olona marina ambonin' ny tany izay manao tsara ka tsy manota. **21** Aza mihainohaino ny teny rehetra tenenina, fandrao handre ny mpanomponao manozona anao ianao; **22** fa fantatry ny fonao fa na dia ny tenanao aza dia mba efa nanozona ny sasany matetika ihany koa. **23** Izany rehetra izany dia notsapaiko tamin' ny fahendrena. Hoy izaho: Ho hendry aho; kanjo lavitra ahy izany. **24** Eny, izay rehetra lavitra sady lalina dia lalina,

iza no mahatakatra azy? **25** Nitodika aho, ka nampiasaiko ny foko hahalala sy handinika ary hitady fahendrena sy izay anton-javatra ary hahafantatra ny faharatsiana ho fahadalana, ary ny fahadalana ho fahaverezan-tsaina; **26** ka hitako fa mangidy noho ny fahafatesana ny vehivavy, izay fandrika sy harato ny fony, sady famatorana ny tànany; nefa izay ankasitrahan' Andriamanitra dia ho afa-mandositra azy, fa ny mpanota ihany no ho azony. **27** Indro, izany no hitako, hoy Mpitoriteny, raha nandinidinika ny zavatra tsirairay aho mba hahitana izay antony. **28** Izay notadiaviko koa, fa tsy hitako, dia izao: lehilahy iray no hitako ho marina tao amin' ny arivo; fa tao amin' ny vehivavy arivo dia tsy nisy hitako na dia iray akory aza. **29** Indro, izao ihany no hitako: nataon' Andriamanitra mahitsy ny olona, kanjo namorona sain-kafa maro izy.

8 Iza no toy ny hendry? Ary iza no mahalala izay anton-javatra? Ny fahendren' ny olona mahamiramirana ny tarehiny, ary voaova ny fahadontoan' ny endriny. **2** Hoy izaho: Tandremo ny didin' ny mpanjaka noho ny efa nianianana tamin' Andriamanitra. **3** Aza malaky miala eo anatrehany; aza mikikitra amin' ny fanaovan-dratsy; fa na inona na inona sitrany dia azony atao avokoa; **4** fa ny tenin' ny mpanjaka dia misy hery, ka iza no mahazo manao aminy hoe: Inona no ataonao? **5** Izay mitandrina ny didy tsy mba mikambana amin' ny fanaovan-dratsy; ary ny fon' ny hendry dia mahalala fotoana sy fitsarana; **6** fa samy manana ny fotoany sy ny fitsarana azy avy ny hevitra rehetra, satria efa be ny heloky ny olona. **7** Fa tsy mahafantatra izay ho avy izy; fa iza no hampahafantatra azy izay hihaviany? **8** Tsy misy olona manan-kery hahatana ny ainy, na manan-kery ny amin' ny andro hahafatesana; ary tsy misy fahafahana amin' ny ady, ary ny ratsy fanahy tsy ho voavonjin' ny faharatsiany. **9** Izany rehetra izany dia efa hitako avokoa tamin' ny nampiasako ny foko nandinika ny asa rehetra atao atỳ ambanin' ny masoandro. Misy andro anapahan' ny olona ny namany ka ampidirany loza aminy. **10** Ary tamin' izany dia hitako ny ratsy fanahy nalevina ka tafiditra; fa izay nanao ny marina kosa dia lasa niala tamin' ny fitoeran' ny masìna ka nohadinoina tao an-tanàna; zava-poana koa izany. **11** Saingy tsy tanterahina vetivety ny famaliana ny ratsy atao, dia izany no ikirizan' ny fon' ny zanak' olombelona amin' ny fanaovan-dratsy. **12** Eny, fa na dia manao ratsy injato aza ny mpanota ka ela velona ihany, dia fantatro kosa fa hisy soa ho an' izay matahotra an' Andriamanitra, dia izay matahotra eo anatrehany. **13** Fa tsy hisy soa ho an' ny ratsy fanahy; fa ho toy ny aloka izy ka tsy haharitra ela, satria tsy matahotra eo anatrehan' Andriamanitra. **14** Izao koa no zava-poana izay atao atỳ ambonin' ny tany: Misy olo-marina iharan' izay tokony ho valin' ny asa ratsy; ary misy olo-meloka mahazo izay tokony ho valin' ny asa marina; hoy izaho: Zava-poana koa izany. **15** Dia noderaiko ny fifaliana, satria tsy misy mahasoa ny olona atỳ ambanin' ny masoandro afa-tsy ny mihinana sy ny misotro ary ny miravoravo, ka hisy izany amin' ny fisasarany mandritra ny andro hiainany, izay nomen' Andriamanitra azy atỳ ambanin' ny masoandro. **16** Raha nampiasaiko ny foko hahalala fahendrena sy hahita ny raharaha atao atỳ ambonin' ny tany (fa misy tsy mahita torimaso na andro na alina), **17** dia hitako avokoa ny asan' Andriamanitra, fa tsy takatry ny sain' ny olona ny asa atao atỳ ambanin' ny masoandro; koa na dia mikely aina hitady izany aza ny olona, tsy ho hitany; eny, na ny hendry aza no manao hahafantatra izany, dia tsy ho azony fantarina akory.

9 Fa ireto dia nalatsako tato am-poko sady nodinihiko avokoa: ny marina sy ny hendry mbamin' ny asany dia samy eo an-tànan' Andriamanitra avokoa; ary koa, na ho fitiavana, na ho fankahalana, dia samy tsy fantatry ny olombelona; fa zavatra mbola ho avy aminy avokoa izany rehetra izany. **2** Mitovy avokoa ny manjo ny olombelona rehetra; eny, zavatra iray ihany no manjo ny marina sy ny meloka, ny tsara fanahy sy ny madio ary ny tsy madio, ny mamono zavatra hatao fanatitra sy ny tsy mamono zavatra hatao fanatitra; mitovy ihany ny amin' ny tsara fanahy sy ny amin' ny mpanota, ary ny amin' ny mianiana sy ny amin' izay tsy sahy hianiana. **3** Izao no fahoriana amin' izay rehetra atao atỳ ambanin' ny masoandro: Zavatra iray ihany no manjo ny olombelona rehetra, sady feno ratsy ny fon' ny zanak' olombelona, ka fahadalana no ao am-pony amin' ny andro iainany, ary nony afaka izany, dia ho any amin' ny maty izy. **4** Fa izay rehetra isan' ny velona dia mbola hantenaina; fa ny amboa velona no tsara noho ny liona maty. **5** Fa fantatry ny velona fa ho faty izy; fa ny maty kosa tsy mba mahalala na inona na inona, ary tsy manana valim-pitia intsony izy; fa hadino ny fahatsiarovana azy. **6** Na ny fitiavany, na ny fankahalany, na ny fialonany, dia samy efa levona ela sady tsy manana anjara intsony mandrakizay amin' izay atao atỳ ambanin' ny masoandro izy. **7** Mandehana, hano amin' ny fifaliana ny haninao, ary sotroy amin' ny fo falifaly ny divainao, fa efa nankasitrahan' Andriamanitra ela ny asanao. **8** Aoka ho fotsy mandrakariva ny fitafianao, ary aoka tsy ho diso menaka ny lohanao. **9** Miravoravoa amin' ny vady malalanao amin' ny andronao rehetra mandalo foana, izay efa nomeny anao atỳ ambanin' ny masoandro, dia ny andronao rehetra mandalo foana; fa izany no anjaranao amin' ny andro iainanao sy amin' ny fisasarana izay isasaranao atỳ ambanin' ny masoandro. **10** Izay rehetra azon' ny tananao atao dia ataovy amin' ny herinao; fa tsy misy asa, na hevitra, na fahalalana, na fahendrena, any amin' ny fiainan-tsi-hita izay alehanao. **(Sheol h7585)** **11** Ary hitako atỳ ambanin' ny masoandro indray fa tsy ho an' ny haingan-tongotra ny fihoarana, ary tsy ho an' ny mahery ny ady, ary tsy ho an' ny hendry ny hanina, ary tsy ho an' ny mazava saina ny harena, ary tsy ho an' ny manam-pahalalana ny fitia; fa ny fotoana sy ny sampona dia samy mahazo azy rehetra. **12** Fa tsy fantatry ny olona ny androny; fa toy ny hazandrano azon' ny harato fahitan-doza izy, ary toy ny voron-kely izay voan' ny fandrika, dia voafandrika toy izany ny zanak' olombelona amin' ny andro mahory, raha mahavoa azy tampoka izany. **13** Izao koa no fahendrena efa hitako tatỳ ambanin' ny masoandro, ka dia nataoko ho lehibe izany: **14** Nisy vohitra kely sady vitsy olona, dia avy ny

mpanjaka lehibe anankiray ka namely sy nanao fahirano azy ary nanao manda lehibe hamelezany azy. **15** Ary nisy lehilahy malahelo hendry hita teo, koa nahavonjy ny tanàna tamin' ny fahendreny ralehilahy, nefa tsy nisy olona mba nahatsiahy ilay malahelo. **16** Koa hoy izaho: Aleo fahendrena toy izay hery; kanjo hamavoina ny fahendren' ny malahelo, ary ny teniny tsy mba henoina. **17** Ny tenin' ny hendry izay re amin' ny mangingina dia mahery noho ny fitreron' izay mpanapaka adala. **18** Aleo fahendrena toy izay fiadiana; ary ny mpanota iray mahasimba ny soa be.

10 Ny fatin-dalitra mahamaimbo sy mampamorivory ny menaky ny mpangaroharo zava-manitra; ary toy izany, ny fahadalana kely dia mavesatra noho ny fahendrena sy ny voninahitra. **2** Ny fon' ny hendry dia eo ankavanany; fa ny fon' ny adala kosa dia eo ankaviany. **3** Ary koa, raha mandeha eny an-dalambe ny adala, dia levona ny fahalalany, ka milaza tena amin' ny olona rehetra izy fa adala. **4** Raha tezeran' ny mpanapaka ianao, aza miala amin' ny fitoeranao; fa ny fahatsindriam-po mahasakana ny fahadisoana lehibe. **5** Misy ratsy efa hitako atỳ ambanin' ny masoandro, ka toa fahadisoana ataon' ny mpanapaka izany; **6** Asandratra ho ambony indrindra ny adala, ary ny mpanankarena mipetraka eo amin' ny toerana ambany. **7** Efa hitako ny mpanompo mitaingin-tsoavaly, ary ny mpanapaka kosa mandeha an-tongotra toy ny mpanompo. **8** Izay mihady lavaka no ho latsaka ao, ary izay mandrava fefy vato no hokekerin' ny menarana. **9** Izay manovoka vato dia haratrany, ary izay mamaky hazo no ho voany. **10** Raha dombo ny antsy ka tsy asainy, dia tsy maintsy manao an-teninaina izy; fa ny fahendrena no mahasoa, satria mahalavorary ny raharaha izany. **11** Raha manaikitra ny menarana, satria tsy mbola nasiana ody, dia ahoana no mahatsara ny mpanao ody? **12** Soa ny teny aloaky ny vavan' ny hendry; fa ny molotry ny adala kosa mitelina ny tenany. **13** Ny fiandohan' ny teny aloaky ny vavany dia fahadalana, ary ny fiafaran' ny teniny dia fahaverezan-tsaina mampidi-doza. **14** Maro teny ny adala nefa tsy misy olona mahalala izay ho avy; ary iza no mahalaza aminy ny ho avy any aoriany? **15** Ny fisasaran' ny adala mahareraka azy, fa ny lalana mankany an-tanàna aza tsy fantany akory. **16** Lozanao, ry tany, raha zaza no mpanjakanao, ary ny lehibenao homa-maraina! **17** Sambatra kosa ianao, ry tany, raha tena karazan' andriana no mpanjakanao, ary ny lehibenao homana amin' izay fotoana mety, mba hampahatanjaka ny tenany, fa tsy ny hampahamamo azy! **18** Ny fahalainana be no mampianjera ny lohatrano, ary ny hakamoan' ny tanana no mampitete ny trano. **19** Ataony laolao ny hanina, ary ny divay no maharavoravo ny aina, ary ny vola no hahazoana ny zavatra rehetra. **20** Aza manozona ny mpanjaka na dia amin' ny eritreritrao aza; ary aza manozona ny mpanankarena na dia ao anatin' ny efi-trano fandrianao aza; fa na dia ny voro-manidina aza anie ka hitondra ny feo, ary na dia ny manana elatra dia hanambara ny teny.

11 Atsipazo eny ambonin' ny rano ny haninao, fa ho hitanao ihany izy rehefa ela. **2** Samy omeo anjara ny fito, ary na dia ny valo aza, fa tsy fantatrao izay fahoriana hanjo atỳ ambonin' ny tany. **3** Raha feno ranonorana ny rahona, dia halatsany amin' ny tany izany; ary na mianjera mianatsimo na mianavaratra ny hazo, dia eo amin' izay ianjerany ihany no handriany. **4** Izay fatra-pihevitra ny rivotra tsy hamafy, ary izay manahy ny rahona tsy hijinja. **5** Toy ny tsy ahafantaranao ny amin' ny alehan' ny rivotra, na ny amin' ny fitombon' ny taolana ao an-kibon' izay manan' anaka, dia toy izany no tsy ahafantaranao ny asan' Andriamanitra, Mpanao ny zavatra rehetra. **6** Amin' ny maraina dia afafazo ny voanao, ary amin' ny hariva dia aza atsahatra ny tananao; fa tsy fantatrao izay ho vanona, na ny teo aloha, na ny teo aoriana, na angamba samy ho vanona avokoa izy roa tonta. **7** Mamy tokoa ny mazava, ary mahafinaritra ny maso ny mijery ny masoandro; **8** fa na dia ela velona aza ny olona, dia aoka ho faly amin' ny androny rehetra izy ka hahatsiaro ny andro maizina, fa ho maro ireny: izay rehetra ho avy dia zava-poana. **9** Mifalia, ry zatovo, dieny mbola tanora ianao; ary aoka ny fonao hampifalifaly anao amin' ny andro fahatanoranao; ka mandehana any amin' izay sitraky ny fonao sy izay jeren' ny masonao; nefa aoka ho fantatrao fa ho entin' Andriamanitra hotsaraina ianao amin' izany rehetra izany. **10** Koa esory ao am-ponao ny alahelo, ary avilio tsy hikasika ny nofonao ny ratsy; fa ny fahatanorana sy ny fahatanjahana dia samy zava-poana.

12 Ary tsarovy ny Mpanao anao amin' ny andro fahatanoranao, dieny tsy mbola tonga ny andro mahory, ary tsy mbola mihatra ny taona izay hanaovanao hoe; Tsy sitrako izao; **2** dieny tsy mbola maizina ny masoandro sy ny fahazavana sy ny volana sy ny kintana, ary tsy mbola mitambatra indray ny rahona, rehefa latsaka ny ranonorana; **3** fa amin' izay dia hangovitra ny mpiandry trano, ary hanjoko ny lehilahy matanjaka, ary hitsahatra ny ankizivavy mpitoto, satria efa vitsy ireo, ary ho maizina ny vehivavy mitsirika eo am-baravarankely, **4** ary hirindrina ny varavarana kopa-droa mankeny an-dalambe, rehefa malemy ny feon' ny fikosoham-bary; ary ho taitra ny olona, raha vao maneno ny voronkely, ary halemy feo ny zazavavy mpihira rehetra; **5** ary koa, hatahotra ny fiakarana izy, ary toa hisy zava-mahatahotra eny an-dalana; ary hamony ny hazo amygdala, ary ny valala aza ho tonga mavesatra, ary ny voan-tsimperifery aza tsy hanan-kery intsony fa mandroso ho any amin' ny tranony mandrakizay ny olona, ary ny mpisaona mandehandeha eny an-dalambe **6** dieny tsy mbola mivaha ny kofehy volafotsy, ary tsy mbola vaky ny vilia volamena fitoeran-diloilo, ary tsy mbola rava ny barika eo an-doharano, ary tsy mbola tapaka ny kodia eo an-davaka famorian-drano, **7** ka ny vovoka dia hiverina amin' ny tany ho toy ny teo, fa ny fanahy kosa hiverina amin' Andriamanitra, Izay nanome iny. **8** Zava-poana dia zava-poana, hoy Mpitoriteny, eny, zava-poana ny zavatra rehetra! **9** Ary koa, satria hendry Mpitoriteny, dia nampianatra ny olona fahalalana izy; eny, nandinika sy nieritreritra ary nandahatra ohabolana maro izy. **10** Mpitoriteny nitady hahita teny mahafinaritra; ary izay mahitsy no voasorany,

dia tenin' ny fahamarinana. **11** Ny tenin' ny hendry dia
toy ny fanindronan-omby sy toy ny hombo voatsatoka, ry
mpanangona, omen' ny mpiandry iray izy; **12** ary he koa,
anaka! minoa anatra ianao; fa tsy misy farany ny manao
boky maro, ary manasatra ny tena ny fianarana be. **13** Ary
rehefa re izany rehetra izany, dia izao no faran' ny teny:
Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo, fa
izany no tokony hataon' ny olona rehetra. **14** Fa ny atao
rehetra dia ho entin' Andriamanitra ho amin' ny fitsarana ny
zava-miafina rehetra, na soa na ratsy.

Tonon-kiran'i Solomona

1 Ny tonon-kira tsara indrindra, izay nataon' i Solomona. **2** Enga anie ka hanoroka ahy amin' ny fanorohan' ny vavany izy! Fa tsara noho ny divay ny fitiavanao. **3** Mani-pofona ny menakao tsara, menaka manitra voaidina ny anaranao, koa izany no itiavan' ny zatovovavy anao. **4** Taomy aho, dia hihazakazaka hanaraka anao izahay; Nentin' ny mpanjaka ho ao an-efi-tranony aho. Hifaly sy hiravoravo aminao izahay; Hankalazainay mihoatra noho ny divay ny fitiavanao; Fitiavana marina no itiavany anao. **5** Mivalomainty aho, nefa tsara tarehy, ry zanakavavin' i Jerosalema, toy ny lain' i Kedara, toy ny ambain-dain' i Solomona. **6** Aza mibanjina ahy, fa mivalomainty aho, satria efa azon' ny hainandro; Tezitra tamiko ny zanak' ineny; Notendreny ho mpiandry ny tanim-boalobony aho; Nefa ny tanim-boaloboko kosa, dia ny an' ny tenako, tsy mba nandrasako. **7** Lazao amiko, ry ilay tian' ny fanahiko, izay iandrasanao ny ondrinao, sy izay ampandrianao azy raha antoandro; Fa nahoana no ho tahaka izay mivezivezy foana aho Eny amin' ny andian' ny namanao? **8** Raha tsy fantatrao, ry tsara tarehy indrindra amin' ny vehivavy, dia mandehana hanaraka ny andian' ny ondry aman' osy, ary andraso eny amin' ny lain' ny mpiandry ondry ny zanak' osinao. **9** Ry tompokovavy havako, ianao dia ampitahaiko amin' ny soavalivaviko mitarika ny kalesin' i Farao. **10** Mahatsara ny tarehinao ireo voahangy voatohy; Manendrika ny vozonao ireo rado. **11** Nefa rojo volamena misy voavola mibontsimbontsina kosa no hataonay ho anao. **12** Raha mipetraka amin' ny latabany ny mpanjaka, dia mamerovero tsara ny nardako. **13** Ny malalako dia miora am-pehezana madinika mandry eo an-tratrako. **14** Ny malalako dia tahaka ny vonin' ny kofera amiko, any an-tanimbolin' i En-jedy. **15** Indro, tsara tarehy ianao, ry tompokovavy havako; Indro, tsara tarehy ianao; Voromailala ny masonao. **16** Indro, tsara tarehy ianao, ry malalako, eny, mahafinaritra; Maitso ny fandriantsika. **17** Sedera ny sakamandimbin' ny tranontsika, ary kypreso ny peta-drindrintsika.

2 Izaho dia voninkazo eny an-tanety ihany sy lilia eny an-dohasaha. **2** Toy ny lilia eo amin' ny tsilo, dia toy izany tompokovavy havako eo amin' ny zazavavy. **3** Toy ny hazo poma amin' ny hazo any an' ala, dia toy izany ny malalako eo amin' ny zatovo. Mahafinaritra ahy indrindra ny mipetraka eo ambanin' ny alokalony, sady mamy ao am-bavako ny voany. **4** Nentiny ho ao an-tranon-divay aho, ary ny fanevany eo amboniko dia fitiavana. **5** Hatanjaho amin' ampempam-boaloboka aho, ary velombelomy amin' ny poma aho, fa mararim-pitia. **6** Aoka ny tànany ankavia hanondana ahy, ary aoka ny tànany ankavanana hanohona ahy. **7** Mampianiana anareo amin' ny gazela na amin' ny dieravavy any an-tsaha aho, ry zanakavavin' i Jerosalema: Aza manaitra na mamoha ny fitiavana raha tsy efa sitrapony. **8** Injay, ny feon' ilay malalako! Indro, tamy izy ka miantsambotsambotra eny an-tendrombohitra ary mitsambitimbikina eny amin' ny havoana. **9** Ny malalako dia tahaka ny gazela na ny diera tanora; Indro, mijanona eo ala-tranonay izy, mitsidika eo am-baravarankely, manarangarana eo amin' ny makarakara. **10** Niteny ny malalako ka nanao tamiko hoe: Mitsangàna, ry tompokovavy havako, ry tsara tarehiko, ka andeha ary! **11** Fa, indro, lasa ny ririnina, ritra tsy misy intsony ny ranonorana; **12** Miposaka eo amin' ny tany ny voninkazo; Tonga ny taona fanaovam-peo fifaliana, ary re atỳ amin' ny tanintsika ny feon' ny domohina. **13** Ny aviavy mahamanitra ny voany tanora, mamony ny voaloboka ka mamerovero tsara. Mitsangàna, ry tompokovavy havako, ry tsara tarehiko, ka andeha ary! **14** E, ry voromailalako ao amin' ny tsefatsefaky ny harambato, dia ao amin' ny fialokalofana amin' ny fiakarana mideza, aoka hahita ny endrikao sy handre ny feonao aho; Fa mamy ny feonao, sady mahafinaritra ny endrikao. **15** Sambory ny amboahaolo, dia ireo amboahaolo madinika izay manimba ny tanim-boaloboka; Fa efa mamony izao ny voalobotsika. **16** Ahy ny malalako, ary azy aho, dia ilay miandry ny ondriny eny amin' ny lilia. **17** Mandra-pangatsiatsiaky ny andro, ka efa hilentika ny masoandro, mitodiha, ry ilay malalako, ary aoka ho tahaka ny gazela na ny diera tanora eny an-tendrombohitra be hantsana ianao.

3 Teo am-pandriako nony alina dia mazàna nitady ilay tian' ny fanahiko aho; Nitady azy aho, fa tsy nahita azy. **2** Dia hoy izaho: Hifoha aho ka handehandeha eo an-tanàna, dia eny an-dalambe sy eny an-kalalahana, hitady ilay tian' ny fanahiko eny, nitady azy aho, nefa tsy nahita azy. **3** Hitan' ny antily izay mandehandeha eny an-tanàna aho; Dia hoy izaho: Sao mba hitanareo lahy ilay tian' ny fanahiko iny? **4** Nony vao nandalo ireo vetivety foana aho, dia hitako ilay tian' ny fanahiko, ka nohazoniko izy, fa tsy navelako handeha, mandra-pitondrako azy ho any an-tranon' ineny, dia any amin' ny efi-tranon' ilay niteraka ahy. **5** Mampianiana anareo amin' ny gazela na amin' ny dieravavy any an-tsaha aho, ry zanakavavin' i Jerosalema; Aza manaitra na mamoha ny fitiavana, raha tsy efa sitrapony. **6** Iza moa iry vehivavy miakatra avy any an-efitra, tahaka ny setroka mitankosina, sady tsara fofona amin' ny miora sy ny ditin-kazo mani-pofona mbamin' ny vovoka manitra samy hafa entin' ny mpandranto? **7** Indro ny filanjan' i Solomona! Lehilahy enim-polo, mahery avokoa, avy amin' ny lehilahy mahery amin' ny Isiraely, no manotrona azy. **8** An-tsabatra avokoa izy rehetra sady mahay miady, samy mitondra ny sabany eo am-balahany avy noho ny tahotra amin' ny alina. **9** Nanao filanjana ho azy Solomona mpanjaka tamin' ny hazo avy any Libanona: **10** Volafotsy no nataony andriny, ary volamena ny fiankinana, volomparasy ny ondany, ny ao anatiny voaravaka amin' ny fanomezam-pitiavana avy tamin' ny zanakavavin' i Jerosalema. **11** Mivoaha, ry zanakavavin' i Ziona, ka mijere an' i Solomona mpanjaka, misatroka ilay satro-boninahitra nasatro-dreniny azy tamin' ny andro nampakarany vady, dia tamin' ny andro nifalian' ny fony.

4 Endrey, tsara tarehy ianao, ry tompokovavy havako!
Endrey, tsara tarehy ianao! Ny masonao dia voromailala
eo amin' ny fisalobonanao; Ny volonao dia tahaka ny osy
andiany, izay mandriandry eny an-kilan' ny tendrombohitr'
i Gileada. **2** Ny nifinao dia tahaka ny ondrivavy andiany
efa voahety, izay miakatra avy eo amin' ny fampandroana;
Samy kambana avy ireo, fa tsy misy tsy mana-namana.
3 Tahaka ny kofehy jaky ny molotrao, ary mahafinaritra
ny vavanao; Tahaka ny hasin' ampongabendanitra ny
takolakao eo amin' ny fisalobonanao, **4** Ny vozonao dia
tahaka ny tilikambon' i Davida, natao ho trano fihantonam-
piadiana; Ampinga arivo no voahantona eo, dia ny ampinga
rehetra an' ny lehilahy mahery. **5** Ny nononao roa dia
toy ny diera kambana mbola tanora, izay homana eny
amin' ny lilia. **6** Mandra-pangatsiatsiaky ny andro, ka efa
hilentika ny masoandro, dia handeha aho ho any amin' ny
tendrombohitry ny miora sy ny havoan' ny ditin-kazo mani-
pofona. **7** Tsara avokoa izato bikanao izato, ry tompokovavy
havako; Tsy misy kilema ianao. **8** Hiaraka amiko avy any
Libanona ianao, ry ampakariko, eny, hiaraka amiko avy
any Libanona, hitazana eny an-tampon' i Amana, eny an-
tampon' i Senira sy Hermona, eny an-davaky ny liona, eny
an-tendrombohitry ny leoparda. **9** Efa lasanao ny foko, ry
havako ampakariko, efa lasanao ny foko tamin' ny masonao
an-ila sy tamin' ny rojo anankiray amin' ny vozonao. **10**
Akory ny hatsaran' ny fitiavanao, ry havako ampakariko!
Akory ny hatsaran' ny fitiavanao! eny, tsara noho ny divay!
Ary ny fofon' ny menaka manitrao dia mihoatra noho ny
zava-manitra rehetra! **11** Mitete tantely toy ny avy amin' ny
tohotra ny molotrao, ry ampakariko; Tantely sy ronono no ao
ambanin' ny lelanao, ary ny fofon' ny fitafianao dia tahaka ny
fofon' i Libanona. **12** Saha voahidy ny havako ampakariko,
loharano voahidy, fantsakan-drano voaisy tombo-kase. **13**
Hianao no saha anirian' ny ampongabendanitra tsara voa,
sady misy kofera sy narda, **14** Eny, narda sy safrona,
veromanitra sy havozomanitra sy ny hazo misy ny ditin-kazo
mani-pofona rehetra. Miora sy hazo manitra Mbamin' ny
zava-manitra tsara rehetra; **15** Loharano ao an-tanimboly
ianao, loharano miboiboika, ary renirano kely avy any
Libanona. **16** Mifohaza, ry rivotra avy any avaratra; avia,
ry avy any atsimo, Mitsofa eny an-tsahako hielezan' ny
fofony manitra. Aoka ny malalako hankatỳ an-tanimboliny
ka hihinana ny voankazony tsara.

5 Efa tonga eto an-tsahako aho, ry havako ampakariko;
Mioty ny miorako mbamin' ny zava-manitro aho; Efa
homana ny toho-tanteliko mbamin' ny tanteliko aho, ary
efa misotro ny divaiko mbamin' ny rononoko; Homàna
ianareo, ry sakaizako, misotroa, eny, mivokisa divay, ry
malala. **2** Natory aho, nefa nahatsiaro ihany ny foko; Injay!
ny feon' ny malalako, izay mandondòna ka manao hoe:
Vohay aho, ry havako ampakariko, Ry voromailalako, ilay
ahy tsy misy kilema; Fa vonton' ando ny lohako, Ny voloko
milantolanto dia kotsan' ny andon' ny alina. **3** Fa hoy
izaho: Efa niala akanjo aho, ka hataoko ahoana indray
no fiakanjo? Efa nioza tongotra aho, ka hataoko ahoana
no fandoto azy? **4** Nampiditra ny tànany teo amin' ny
loaka ilay malalako, dia nangorakoraka azy ny foko. **5**
Nitsangana hamoha varavarana ny malalako ihany aho,
ary nitete miora ny tanako, eny, ny rantsan-tanako nitete
ranon' ny miora teo amin' ny famohana ny hidin-trano. **6**
Namoha varavarana ny malalako aho, kanjo efa nihodina
izy ka lasa; Very hevitra aho tamin' ny nitenenany; Nitady
azy aho, fa tsy nahita; Niantso azy aho, fa tsy novaliany. **7**
Nahita ahy ny antily izay mandehandeha eny an-tanàna,
dia nikapoka ka nandratra ahy; Ny mpiambina ny manda
nanala ny lamba fisaronako. **8** Mampianiana anareo aho,
ry zanakavavin' i Jerosalema: Raha mba hitanareo re ny
malalako, dia ahoana no holazainareo aminy? Lazao fa
mararim-pitia aho. **9** Inona ny malalanao mihoatra noho ny
malala sasany, ry tsara tarehy amin' ny vehivavy? Inona
ny malalanao mihoatra noho ny malala sasany, no dia
mampianiana anay toy izao ianao? **10** Ny malalako dia
sady fotsy mangatsakatsaka no mena, notsongaina tamin'
ny alinalina. **11** Ny lohany dia toy ny tena volamena tsara;
Ny volony dia milantolanto sady mangilohilo toy ny goaika.
12 Ny masony dia tahaka ny voromailala eo anilan' ny
sakeli-drano, mandro amin' ny ronono sady tahaka ny vato
soa alatsaka an-tranontranony izy. **13** Ny takolany dia
tahaka ny tanim-boninkazo misy zava-manitra eo an-tsaha,
dia tahaka ny tany navosaina misy voninkazo manitra. Ny
molony dia tahaka ny lilia sady mitete ranon' ny miora. **14**
Ny tenany dia tahaka ny anja-bolamena voaisy krysolita; Ny
tenany dia tahaka ny ivory voarafitra tsara sady misarona
safira; **15** Ny ranjony dia tahaka ny andry vatosanga miorina
amin' ny faladia tena volamena; Ny tarehiny dia tahaka
an' i Libanona, tsara toy ny sedera. **16** Mamy dia mamy
ny vavany, eny, maha-te-ho-tia avokoa izy. Toy izany ny
malalako, ary toy izany ny sakaizako, ry zanakavavin' i
Jerosalema!

6 Nankaiza ny malalanao, ry tsara tarehy amin'
ny vehivavy? Nivily nankaiza ny malalanao? Mba
hiarahanay aminao hitady azy. **2** Lasa nidina ho any an-
tsahany ny malalako, dia any amin' ny tanim-boninkazo
misy zava-manitra eo an-tsaha, hiandry ny ondriny eny
amin' ny tanimboly sy hioty ny lilia. **3** An' ny malalako
aho, ary ahy ny malalako, dia ilay miandry ny ondry
andiany eny amin' ny lilia. **4** Tsara tarehy tahaka an' i
Tirza ianao, ry tompokovavy havako, eny, tsara tarehy
tahaka an' i Jerosalema, mahatahotra toy ny antokon' ny
miaramila mitondra faneva. **5** Avilio ny masonao tsy hijery
ahy, Fa mampiontanontana ny foko izy; Ny volonao dia
tahaka ny osy andiany, izay mandriandry eny ankilan' i
Gileada. **6** Ny nifinao dia tahaka ny ondrivavy andiany,
izay miakatra avy eo amin' ny fampandroana; Samy
kambana avy ireo. Fa tsy misy tsy mana-manana, **7**
Tahaka ny hasin' ampongabendanitra ny takolakao eo
amin' ny fisalobonanao. **8** Misy mpanjakavavy enim-polo sy
vaditsindrano valo-polo ary zatovovavy tsy hita isa. **9** Fa iray
monja kosa no voromailalako, dia ilay ahy tsy misy kilema,
vavy tokan-dreniny sady tsongaina amin' izay naterany.
Ny zazavavy nahita azy ka nanao azy ho sambatra, eny,
ny mpanjakavavy sy ny vaditsindrano, ka nidera azy. **10**

Iza moa io vehivavy mitsidika toy ny maraina, izay tsara tarehy tahaka ny volana, madio toy ny masoandro sady mahatahotra toy ny antokon' ny miaramila mitondra faneva? **11** Lasa nidina nantany an-tsaha tsara hazo aho, hijerijery ny zava-maitso an-dohasaha, hizaha raha mitsimoka ny voaloboka sy mamony ny ampongabendanitra. **12** Tsy nampoiziko ny nanandratan' ny fanahiko ahy ho eo amin' ny kalesin' ny fireneko be voninahitra. **13** Miverena, miverena, ry Solemita; Miverena, miverena, mba hijerenay anao. Inona no hitanareo amin' ny Solemita? Dihy tahaka ny an' i Mahanaima.

7 Endrey! mahate-hijery ny famindran' ny tongotrao mikiraro, ry zazavavy zanak' andriana! Dia tahaka ny firavaka ny amboam-penao, nataon' ny tanan' ny mahay zavatra. **2** Ny foitrao dia tahaka ny tomaboha kivorivory; Tsy ho diso divay noharoharoan-java-manitra anie izy! Ny kibonao dia tahaka ny vary tritika voatoby sady voaravaka lilia manodidina. **3** Ny nononao roa dia tahaka ny gazela kambana mbola tanora. **4** Ny vozonao dia tahaka ny tilikambo ivory; Ny masonao dia tahaka ny kamory any Hesbona, dia eo am-bavahadin' ny tanàna be olona; Ny oronao dia tahaka ny tilikambo any Libanona, izay manandrify an' i Damaskosy. **5** Ny lohanao dia tahaka an' i Karmela, ary ny volon-dohanao milantolanto dia somary volomparasy. Voatanan' ny volo olioly ny mpanjaka! **6** Endrey! tsara tarehy sady mahafinaritra ianao, ry malala, amin' izao zava-mahafinaritra rehetra izao! **7** Izato tsangananao dia tahaka ny rofia, Ary ny nononao dia tahaka ny sampahony. **8** Hoy izaho: Hananika ny rofia aho ka handray ny rantsany; Ary aoka ny nononao ho toy ny sampahom-boaloboka amiko, ary ny fofonainao ho tahaka ny an' ny poma, **9** Ny vavanao dia toy ny divay tsara, eny, divay mikorotsaka mora eo an-tendan' ny malalako sady miditra misononoka amin' ny molotry ny matory. **10** An' ny malalako aho, sady manina ahy izy. **11** Avia, ry malalako, aoka handeha ho any an-tsaha isika; Andeha handry any ambanivohitra isika. **12** Dia aoka hifoha maraina koa ho any an-tanim-boaloboka isika; Aoka hizahantsika raha mitsimoka ny voaloboka, sy mivelatra ny voniny, ary mamony ny ampongabendanitra any no hanehoako ny fitiavako anao. **13** Mamerovero tsara ny dodaima, sady ao am-bavahadintsika misy voankazo tsara samy hafa, na ny vao na ny ela: Efa notehiriziko ho anao izany, ry malalako.

8 Enga anie ka ho tahaka ny anadahiko, izay ninono an' ineny, ianao! Dia ho nahita anao teny ala-trano aho ka ho nanoroka anao. Eny tsy ho azon' olona notevatevaina aho. **2** Dia ho entiko ka hampidiriko ho ao an-tranon' ineny ianao, ary hampianarinao aho; Hampisotroiko divay noharoharoan-java-manitra mbamin' ny ranon' ampongaben-danitro ianao. **3** Aoka hanondana ahy ny tànany ankavia, ary aoka hanohona ahy ny tànany ankavanana. **4** Mampianiana anareo aho, ry zanakavavin' i Jerosalema: Aza manaitra na mamoha ny fitiavana, raha tsy efa sitrapony. **5** Iza moa iry vehivavy miakatra avy any an-efitra, mitehina amin' ny malalany? Teo ambanin' iny hazo poma no namohazako anao; Teo no niterahan-dreninao anao, eny, teo no nahararian' ilay niteraka anao. **6** Ataovy toy ny fanombohan-kase ao am-ponao aho sy toy ny fanombohan-kase eo an-tsandrinao; Fa mahery toy ny fahafatesana ny fitiavana, masiaka tahaka ny fiainan-tsi-hita ny fahasaro-piaro; Ny lelafony dia lelafo midedadeda, eny, lelafon' i Jehovah. **(Sheol h7585)** **7** Na dia ny ony maro aza tsy mahavono ny afon' ny fitiavana, ary ny renirano tsy mahapaoka azy; Na dia misy olona manome ny fananany rehetra ao an-tranony aza hamidy fitiavana, dia hatao tsinontsinona izy. **8** Manana zandrivavy tsy mbola misy nono izahay; Ahoana no hataonay amin' ny zandrivavinay, raha mby amin' izay andro hangatahan' olona azy ho vady? **9** Raha manda izy, dia hananganay tilikambo volafotsy eo an-tampony; Fa raha varavarana kosa izy, dia hotampenanay hazo fisaka sedera. **10** Mànda aho, dia toy ny tilikambo ny nonoko. Raha eo imasony dia toy ny efa mahita soa aho. **11** Solomona nanan-tanim-boaloboka tao Bala-hamona; Nahofany tamin' olona mpiandry voly ny tanim-boaloboka, ka samy tsy maintsy mitondra sekely volafotsy arivo ho solon' ny vokatra. **12** Ny tanim-boaloboko, eny, ilay an' ny tenako, dia eto anatrehako, Ny arivo kosa dia anao, ry Solomona, ary ny roan-jato ho an' izay mpiandry voly. **13** Ry mitoetra eny an-tsaha! Te-hihaino ny feonao ireo namako; Mba ampandreneso izany koa aho. **14** Mandosira, ry malalako, ary aoka ianao mba ho toy ny gazela na ny diera tanora eny an-tendrombohitry ny zava-manitra.

Isaia

1 Ny fahitan' Isaia, zanak' i Amoza, izay hitany ny amin' ny Joda sy Jerosalema tamin' ny andron' i Ozia sy Jotama sy Ahaza ary Hezekia, izay samy mpanjakan' ny Joda. **2** Mandrenesa, ry lanitra, ary mihainoa, ry tany, Fa Jehovah no miteny hoe: Efa nitaiza sy nahalehibe zaza Aho, Kanjo niodina tamiko ireo. **3** Ny omby mahalala ny tompony, Ary ny boriky ny fihinanam-bilon' ny tompony; Fa ny Isiraely tsy mahalala, Ny oloko tsy misaina. **4** Indrisy! firenena mpanota, olona mavesa-keloka, Taranaka mpanao ratsy, zanaka mpanao meloka! Efa nahafoy an' i Jehovah izy, Efa nanamavo ny Iray Masin' ny Isiraely. Efa nihodina izy. **5** Nahoana no mbola ta-hasiana ihany ianareo noho izao fiodinanareo lalandava izao? Henika aretina avokoa ny loha rehetra, Ary marary ny fo rehetra. **6** Hatramin' ny faladia ka hatramin' ny loha dia tsy misy izay tsy marary, Fa ratra sy dian-kapoka ary fery vao; Tsy mbola voaporitra, na voafehy, na voalemin' ny diloilo izy. **7** Ny taninareo dia efa lao; Ny tanànanareo dia voadotra tamin' ny afo; Ny tany volenareo dia lanin' ny fahavalo eo imasonareo, ary lao izy toy ny efa noravan' ny fahavalo. **8** Ary Ziona zanakavavy dia nilaozana tahaka ny trano rantsan-kazo ao anaty tanim-boaloboka, Sy tahaka ny fandriana mihantona an' ny mpiandry voly ao anaty tanimbolim-boantango, Dia tahaka ny tanàna atao fahirano. **9** Raha tsy nosisan' i Jehovah. Tompon' ny maro, olona vitsivitsy isika, Dia efa tonga tahaka an' i Sodoma Ary nitovy tamin' i Gomora. **10** Mandrenesa ny tenin' i Jehovah, ry mpitsaran' i Sodoma; Mihainoa ny lalàn' Andriamanitsika, ry vahoakan' i Gomora. **11** Hataoko inona ny zavatra betsaka vonoinareo ho fanatitra? hoy Jehovah; Efa tofoka ny ondrilahy atao fanatitra dorana sy ny saboran' ny zanak' omby mifahy Aho, Ary tsy sitrako ny ran' ny vantotr' ombilahy sy ny an' ny zanak' ondry ary ny an' ny osilahy. **12** Raha avy miseho eo anatrehako ianareo, Iza moa no nitady anareo hanitsakitsaka ny kianjako? **13** Aza mitondra fanati-poana intsony; Fofona fahavetavetana amiko izany! Ny voaloham-bolana sy ny Sabata ary ny fiantsoam-piangonana Tsy zakako ny fivoriana masìna haroharoam-paharatsiana! **14** Ny voaloham-bolanareo sy ny fotoam-pivavahanareo dia halan' ny fanahiko, Mavesatra amiko izany, Ka sasatra mitondra azy Aho. **15** Raha mananty tanana ianareo, Dia hitampi-maso tsy hijery anareo Aho; Eny, na dia manao vavaka be aza ianareo, dia tsy hihaino Aho; Feno ran' olona ny tananareo. **16** Misasà ianareo, diovy ny tenanareo, Esory tsy ho eo anoloan' ny masoko ny ratsy fanaonareo; Mitsahara, fa aza manao ratsy; **17** Mianara hanao ny tsara, Diniho izay rariny, anaro ny mpampahory, Omeo rariny ny kamboty, tsarao ny adin' ny mpitondratena. **18** Avia ary hifandahatra isika, hoy Jehovah: Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, Dia ho fotsy tahaka ny oram-panala, Na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, Dia ho tahaka ny volon' ondry fotsy. **19** Raha manaiky sy mankatò ianareo, dia hihinana ny voka-tsoa amin' ny tany; **20** Fa raha mbola mandà sy miodina ihany ianareo, Dia ho lanin' ny sabatra: Fa ny vavan' i Jehovah no efa niteny. **21** Indrisy! tonga janga ity tanàna mahatoky Izay feno ny rariny taloha Sady nitoeran' ny fahamarinana, Fa ankehitriny kosa mpamono olona no ao. **22** Ny volafotsinao efa tonga tain-drendrika; Ny divainao efa voatsatso rano; **23** Ny lehibenao dia mpiodina sady naman' ny mpangalatra; Samy tia kolikoly sy fatra-nitady tambitamby avokoa izy rehetra; Ny kamboty tsy mba omeny rariny, Ary ny adin' ny mpitondratena tsy avelany ho entina eo anatrehany. **24** Ka dia hoy Jehovah, Tompon' ny maro, Ilay Maherin' ny Isiraely: E! hiala fo amin' ny mandrafy Ahy Aho Ary hamaly ny fahavaloko. **25** Dia hamerina ny tanako ho aminao Aho, Ka hodioviko amin' ny lavenona ianao hahafahan' ny tain-drendrikao, ary hesoriko ny firaka rehetra aminao. **26** Dia hampodiko ho toy ny teo aloha ny mpitsaranao, Ary ny mpanolo-tsainao ho toy ny tamin' ny voalohany; Ary rehefa afaka izany, ianao dia hantsoina hoe: Tanànan' ny fahamarinana, Tanàna mahatoky. **27** Ziona havotana amin' ny fitsarana, ary izay efa mibebaka ao dia havotana amin' ny fahamarinana; **28** Ary samy haringana avotoa ny mpiodina sy ny mpanota, Eny, ho lany ritra izay mahafoy an' i Jehovah. **29** Fa hahazo henatra ianareo noho ny amin' ny hazo terebinta izay nifalianareo, ary hangaihay ianareo noho ny amin' ny saha izay natokanareo. **30** Fa ho tahaka ny hazo terebinta malazo ravina ianareo, Sy ho tahaka ny saha tsy misy rano. **31** Ny mahery ho tahaka ny vohavoha, Ary ny asany ho tahaka ny kilalaon' afo, Dia hiaraka hodorana izy roa tonta, Ka tsy hisy hamono ny afo.

2 Ny teny izay hitan' Isaia, zanak' i Amoza, ny amin' ny Joda sy Jerosalema. **2** Ary izao no ho tonga any amparany: Ny tendrombohitra misy ny tranon' i Jehovah dia haorina eo an-tampon' ny tendrombohitra Ary hasandratra ho avo noho ny havoana; Ary ny jentilisa rehetra hitanjozotra hankany. **3** Eny, maro ny firenena no hiainga ka hanao hoe: Andeha isika hiakatra any an-tendrombohitr' i Jehovah, Ho any an-tranon' Andriamanitr' i Jakoba, Mba hampianarany antsika ny amin' ny lalany, Ka handehanantsika amin' ny atorony; Fa avy any Ziona no hivoahan' ny lalàna, Ary avy any Jerosalema ny tenin' i Jehovah. **4** Ary hitsara ny adin' ny jentilisa Izy Ka hampiaiky firenena maro; Dia hanefy ny sabany ho fangady ireny, Ary ny lefony ho fanetezam-boaloboka; Ny firenena tsy hanainga sabatra hifamely Na hianatra ady intsony **5** Ry taranak' i Jakoba, Avia, ary aoka isika handeha amin' ny fahazavan' i Jehovah. **6** Fa efa nanary ny taranak' i Jakoba olonao Hianao, Satria feno ny fanao avy any atsinanana izy Ary efa mpanandro tahaka ny Filistina Sady efa be zana-bahiny. **7** Ary ny taniny dia feno volafotsy sy volamena. Sady tsy hita lany ny hareny; Ary ny taniny dia feno soavaly, Sady tsy hita isa ny kalesiny; **8** Ny taniny dia feno andriamani-tsi-izy koa; Eo anatrehan' ny asan' ny tanany no iankohofany, Dia izay nataon' ny rantsan-tanany; **9** Koa ny zanak' olombelona hatao mitanondrika, Ary ny olona haetry, Ary aza mamela ny helony Hianao! **10** Midìra ao amin' ny vatolampy, Ary miere ao amin' ny vovoka Noho ny tahotra avy amin' i Jehovah Sy ny voninahitry ny fahalehibiazany. **11** Ny fiandranandran' ny mason' ny zanak' olombelona dia

haetry, Ary ny fiavonavonan' ny olona hatao mitanondrika; Fa Jehovah ihany no hisandratra amin' izany andro izany. **12** Fa misy andron' i Jehovah, Tompon' ny maro, Hitsarana izay avo sy ambony toetra rehetra Ary izay misandratra rehetra, Ka dia haetry ireny, **13** Dia ny sedera rehetra any Libanona, izay avo sady andrandraina, Sy ny hazo ôka rehetra any Basana **14** Sy ny tendrombohitra avo rehetra Sy ny havoana andrandraina **15** Sy ny tilikambo miringiringy rehetra Sy ny manda mafy rehetra **16** Sy ny sambon' i Tarsisy rehetra Sy ny tao-zavatra tsara tarehy rehetra; **17** Ary ny fireharehan' ny zanak' olombelona hatao mitanondrika, Ary ny fiavonavonan' ny olona haetry; Fa Jehovah ihany no hisandratra amin' izany andro izany. **18** Ary ny andriamani-tsi-izy dia ho foana avokoa. **19** Ary hiditra ao amin' ny zohy sy ny lava-bato ny olona Noho ny tahotra avy amin' i Jehovah sy ny voninahitry ny fahalehibiazany, Rehefa mitsangana hampihorohoro ny tany Izy. **20** Amin' izany andro izany dia harian' ny olona Ho an' ny voalavo sy ny manavy Ny andriamani-bolafotsiny sy ny andriamani-bolamenany Izay nataony hiankohofany eo anatrehany **21** Mba hidirany eo amin' ny fitriatry ny vatolampy sy eo an-tsefatsefaky ny harambato Noho ny tahotra avy amin' i Jehovah Sy ny voninahitry ny fahalehibiazany, Rehefa mitsangana hampihorohoro ny tany Izy. **22** Mitsahara, fa aza mitoky amin' ny olona; Fa fofonaina foana no eo ambavorony, Ka hatao zinona izy?

3 Fa, indro, Jehovah, Tompon' ny maro, Manaisotra amin' i Jerosalema sy Joda izay andry sy tohana rehetra: Dia ny mofo sy ny rano rehetra, izay tohan' aina, **2** Ny lehilahy mahery sy ny mpiady, Ny mpitsara sy ny mpaminany, Ny mpanao fankatovana sy ny loholona, **3** Ny mpifehy ny dimam-polo sy ny manan-kaja, Ny mpanolo-tsaina sy ny mahay zavatra Ary ny mahay ny fiboeriboeriky ny mpanao ody. **4** Ary hanendry ankizilahy madinika ho lehibeny Aho, Ary ny haitraitran-jaza no hanapaka azy. **5** Ary hifanipaka izy samy iray firenena, Dia samy ny namany avy sy ny akaiky azy avy; Ny tovolahy hirehareha amin' ny antipanahy, Ary ny tsy manan-daza amin' ny manan-daza. **6** Raha misy olona angatahin' ny rahalahiny ao an-tranondrainy ka ataony hoe: Hianao no manana lamba, koa aoka ho mpanapaka anay, Ary aoka ity faharavana ity ho raharahanao, **7** Dia namaly izy amin' izany andro izany hoe: Tsy mety ho dokotera aho, Fa ao an-tranoko tsy misy hanina na lamba; Koa tsy azonareo hatao mpanapaka ny olona aho. **8** Fa tafintohina Jerosalema, Ary potraka Joda, satria ny lelany sy ny asany dia samy manohitra an' i Jehovah Mba hihaika ny mason' ny voninahiny. **9** Ny fisehon' ny tarehiny miampanga azy; Ary mampiharihary ny fahotany tahaka an' i Sodoma izy ka tsy manafina azy. Lozan' ny fanahiny! Fa mampidi-doza amin' ny tenany izy. **10** Lazaonareo ny amin' ny marina fa hahita soa izy, Fa ny vokatry ny asany no hohaniny. **11** Lozan' ny ratsy fanahy! hiharan' ny ratsy izy, Satria ny valin' ny nataon' ny tànany ihany no hanody azy. **12** Ny amin' ny oloko, dia zaza no mampahory azy, Ary ireo vehivavy no manapaka azy. Ry oloko ô, ny mpitarika anao no mampivily anao Sady mandrava ny lalana alehanao. **13** Jehovah mitsangana handahatra Ka miatrika hitsara ny firenena. **14** Jehovah miampanga ny loholona sy ny lehiben' ny olony amin' ny fitsarana hoe: Hianareo no efa nandevona ny tanim-boaloboka; Ary ao an-tranonareo ny fananan' ny malahelo izay efa nalaina an-keriny. **15** Ahoana no hevitrareo no dia hosihosenareo ny oloko, Ary torotoroinareo ny tavan' ny malahelo? Hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **16** Ary hoy koa Jehovah: Satria miavona ireo zanakavavin' i Ziona ka mandeha mianjonanjona sy manao maso meloka Sady kasikasy fandeha Ary mampikorintsandrintsana ny fehin-tongony, **17** Noho izany dia hataon' ny Tompo feno tako-pery ny tampon-dohan' ny zanakavavin' i Ziona, Ary Jehovah hampiseho ny fitanjahany. **18** Amin' izany andro izany dia hesorin' i Jehovah ny firavaka rehetra, na ny fehin-tongotra, Na ny fehi-loha, na ny sarim-bolan-tsinana, **19** Na ny kavina voavola, na ny rojo, na ny fisalobonana makarakara, **20** Na ny satroka, na ny rojo parapaingo, na ny fehin-kibo misy haingony, Na ny fitoeran-dranomanitra, na ny ody fanaony ravaka, **21** Na ny peratra, na ny kavin' orona, **22** Na ny akanjo fihaingoana, na ny kapôty, Na ny saly, na ny poketra, **23** Na ny fitaratra fizahana, na ny akanjo somizy anatiny, Na ny satroka fihaingoana, na ny lamba fisaronana; **24** Ary ny manitra hosoloana ny maimbo; Ary ny fehin-kibo tsara hosoloana ny mahazaka; Ary ny volo voavoatra tsara hosoloana ny boriana; Ary ny akanjo miebanebana hosoloana ny lamba fisaonana; Ary ny hatsaran-tarehy hosoloana ny tomboka amin' ny vy mahamay. **25** Ny lehilahy ao aminao ho lavon-tsabatra, Ary ny mahery ao aminao ho faty an' ady; **26** Ka dia hitomany sy hisaona ny vavahadiny; Ary ho lao ny tanàna ka hanjokaiky,

4 Ary amin' izany andro izany dia hisy vehivavy fito hihazona lehilahy iray ka hanao hoe: Ny haninay ihany no hohaninay, ary ny lambanay ihany no hotafinay; Fa izao ihany no angatahinay: Aoka hotononina amin' ny anaranao izahay, Ka afaho tondromaso **2** Amin' izany andro izany ny rantsan' i Jehovah dia ho tonga fahatsaran-tarehy sy voninahitra, Ary ny vokatry ny tany dia ho rehareha sy firavaka ho an' ny Isiraely sisa afaka; **3** Ary izay sisa any Ziona sy izay mbola mitoetra any Jerosalema dia hatao hoe masìna. Dia izay rehetra voasoratra ho isan' ny velona any Jerosalema. **4** Rehefa voasasan' ny Tompo ho afaka amin' ny fahalotoany ireo zanakavavin' i Ziona, Ary rehefa voadion' ny fanahy fitsarana, sy ny fanahy fandringanana Jerosalema, Ho afaka amin' ny ran' olona nalatsany. **5** Ary Jehovah hamorona rahona sy setroka raha antoandro Sy fahazavan' ny afo midedadeda nony alina Ho eny ambonin' ny fitoerana rehetra any an-tendrombohitra Ziona Sy ho eny ambonin' ny fivoriany rehetra; Ary eny ambonin' ny voninahitra rehetra dia hisy eloelo **6** Ka hisy tranolay ho fialokalofana amin' ny hainandro raha antoandro Ary ho fialofana sy fierena amin' ny tafio-drivotra sy ny ranonorana.

5 Aoka aho hihira ny amin' ny Malalako, dia hiran' ny Malalako ny amin' ny tanim-boalobony. Ny Malalako

nanana tanim-boaloboka tao an-kavoana lonaka; **2** Dia nasainy io, ka nesoriny ny vato, Ary novoleny karazam-boaloboka tsara, Sady nanao tilikambo teo afovoany Izy Ary nandavaka famiazam-boaloboka teo; Dia nanantena azy hamoa voaloboka tsara Izy, Kanjo namoa voalobo-dratsy. **3** Koa noho izany, ry mponina any Jerosalema sy ry lehilahy amin' ny Joda, Masìna ianareo, tsarao Aho sy ny tanim-boaloboko. **4** Inona moa no mbola azo natao tamin' ny tanim-boaloboko, Ka tsy efa nataoko taminy? Koa raha nanantena azy hamoa voaloboka tsara Aho, Nahoana no namoa voalobo-dratsy izy? **5** Koa noho izany dia aoka hambarako anareo izay hataoko amin' ny tanim-boaloboko: Hesoriko ny fefy tsilony, ka dia holevonina izy; Ary harodako ny fefy vatony, ka dia ho voahitsakitsaka izy; **6** Ary hataoko simba dia simba izy; Tsy hohetezana ny sakeli-boalobony, ary tsy hohevoina izy, Fa ho rakotry ny hery sy ny tsilo; Ary hodidiako ny rahona tsy hampilatsaka ranonorana aminy. **7** Fa ny taranak' i Isiraely no tanim-boalobok' i Jehovah, Tompon' ny maro, Ary ny lehilahy amin' ny Joda no voly tiany; Dia nanantena fitsarana marina Izy, kanjo fandatsahan-drà; Niandry fahamarinana Izy, kanjo, indro, fitarainana. **8** Lozanareo izay mangorona trano lalandava Sady mampiharo vala ny saha amin' ny saha, Ambara-paha-tsy hisy hitoeran' ny sasany intsony, Mba ho tonga mponina manirery eo amin' ny tany ianareo! **9** Izao no ren' ny sofiko avy amin' i Jehovah, Tompon' ny maro: Marina tokoa fa ho foana ny trano maro, Eny, na dia izay lehibe sady tsara aza dia tsy hisy mpitoetra. **10** Ary bata iray monja no ho vokatry ny tanim-boaloboka folo Zemeda, Ary rehefa iray monja no ho vokatry ny voan-javatra eran' ny homera. **11** Lozan' izay mifoha maraina koa ka mitady toaka! Izay miboboka mandra-paharivan' ny andro ka ampirehetin' ny divay! **12** Ary ny lokanga sy ny valiha, ny ampongatapaka sy ny sodina ary ny divay no foto-panasany; Fa ny asan' i Jehovah tsy mba jereny, Ary ny ataon' ny tanany tsy mba hitany. **13** Ary noho izany dia ho lasan-ko babo ny oloko noho ny tsi-fahalalany, Ary ny olona ambony ho mosarena, Ary ny valalabemandry ho main' ny hetaheta. **14** Koa izany no mampitanatana vava ny fiainan-tsi-hita Hanao teli-moka an' i Jerosalema; Ary any no hivarinan' ny voninahiny sy ny fihahohahony ary ny tabatabany mbamin' izay mifalifaly ao aminy; **(Sheol h7585)** **15** Ary ny zanak' olombelona dia hatao mitanondrika, Ary ny olona haetry, Ary ny mason' ny miandranandrana dia haidina. **16** Fa Jehovah, Tompon' ny maro, no hisandratra amin' ny fitsarana, Ary Andriamanitra masìna dia hiseho ho masìna amin' ny fahamarinana. **17** Ary ny zanak' ondry hikania toy ny eny amin' ny tany fiandrasana azy ihany; Ary ny tany foana izay nipetrahan' ny matavy, dia mpirenireny no hiandry ondry ao. **18** Lozan' izay mitari-keloka amin' ny kofehin' ny faharatsiana Ary mitarika ota toy ny amin' ny mahazakan-tsariety, **19** Dia izay manao hoe: Aoka hohafainganiny sy hododonany ny asany, mba ho hitantsika, Ary aoka izay kasain' ny Iray Masin' ny Isiraely ho mby akaiky ka ho tanteraka, mba ho fantatsika! **20** Lozan' izay milaza ny ratsy ho tsara ary na tsara ho ratsy! Izay manao ny maizina ho mavaza ary ny mazava ho maizina! Izay manao ny mangidy ho mamy ary ny mamy ho mangidy! **21** Lozan' izay manao azy ho hendry sy manao azy ho mazava saina! **22** Lozan' izay fatratra nefa amin' ny fisotroan-divay ihany, sy izay kanto nefa amin' ny fampiharoharoana toaka ihany! **23** Ary izay manamarina ny meloka noho ny kolikoly sy manala ny rariny amin' ny marina! **24** Koa toy ny fandevonan' ny lelafo ny mololo, ary toy ny fifitsaky ny bozaka midedadeda, dia toy izany no hahalovan' ny fakany sy hijofoan' ny voniny hanjary vovoka, satria efa nandà ny lalàn' i Jehovah, Tompon' ny maro izy Sy nanamavo ny tenin' ny Iray Masin' ny Isiraely. **25** Koa izany no irehetan' ny fahatezeran' i Jehovah amin' ny olony sy aninjirany ny tànany aminy ka amelezany azy; Dia mihorohoro ny tendrombohitra, ary ny fatin' ny olona dia tonga tahaka ny diky eny an-dalambe. Kanefa, na dia izany rehetra izany aza, dia tsy mbola afaka ihany ny fahatezerany, fa mbola mihinjitra ihany ny tànany. **26** Ary hanangana faneva ho amin' ny firenena lavitra Izy sady hisiaka hiantso ny iray avy any am-paran' ny tany; Ary, indro, ho avy faingana dia faingana ireo; **27** Tsy hisy reraka na tafintohina ao aminy; Tsy ho rendrehana na hatory izy: Tsy hiboraka ny fehin-kibony, ary tsy ho tapaka ny fehin-kapany, **28** Maranitra ny zana-tsipìkany, Ary voahenjana avokoa ny tsipìkany; Ny kitron-tsoavaliny atao ho tahaka ny afovato; Ary ny kodiany ho tahaka ny tadio; **29** Ny fierony dia tahaka ny fieron' ny liom-bavy, Ary mierona tahaka ny liona tanora izy; Eny, manerona izy ka mandrapaka ny toha, Dia lasany, ka tsy azo alaina intsony. **30** Ary hirohondrohona aminy amin' izany andro izany izy Tahaka ny firohondrohon' ny ranomasina; Ary raha mijery ny tany ny olona, dia indro aizina sy fahoriana; Ary ny fahazavana hohamaizinin' ny rahona.

6 Tamin' ny taona nahafatesan' i Ozia mpanjaka no nahitako ny Tompo nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianana avo sady manerinerina, ary ny ebaneban' akanjony nahafeno ny tempoly. **2** Nisy serafima nitsangana teo amboniny, samy nanana elatra enina avy; ny roa nanaronany ny tavany, ny roa nanaronany ny tongony, ary ny roa nanidinany. **3** Ary nanandratra ny feony izy ka nifamaly hoe: Masìna, masìna, masìna Jehovah, Tompon' ny maro; Henika ny voninahiny ny tany rehetra. **4** Dia nihorohoro ny fanambanin' ny tokonana noho ny feon' ireo nanandratra ny feony; ary feno setroka ny trano. **5** Dia hoy izaho: Lozako! maty aho! fa lehilahy maloto molotra, sady ato amin' ny firenena maloto molotra no itoerako, fa ny mpanjaka, dia Jehovah, Tompon' ny maro, no efa hitan' ny masoko. **6** Dia nanidina nanatona ahy ny serafima anankiray nitondra vain' afo teny an-tànany, izay nalainy tamin' ny ny tandra avy teo amin' ny alitara. **7** Ary natehiny ny vavako izany, ka hoy izy: Indro, efa nitehika tamin' ny molotrao io; ka dia afaka ny helokao, ary voavela ny fahotanao. **8** Ary nandre ny feon' ny Tompo aho nanao hoe: Iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay? Dia hoy izaho: Inty aho, iraho aho. **9** Ary hoy Izy: Mandehana, ka lazao amin' ity firenena ity hoe: Mandrenesa mandrakariva ihany ianareo, nefa aza mahalala; Ary mijere mandrakariva ihany ianareo, nefa aza mahafantatra. **10** Ataovy adala ny

fon' ity firenena ity, Ary ataovy lalodalovana ny sofiny, Ary ataovy mikimpy ny masony, Fandrao hahita ny masony, Sy handre ny sofiny, Ary hahalala ny fony, Dia hibebaka izy ka ho sitrana. **11** Ary hoy izaho: Tompo ô, mandra-pahoviana anefa? Dia hoy Izy: Mandra-pahafoanan' ny tanàna, ka tsy hisy mponina, Ary ny trano tsy hisy olona, Ary ny tany ho lao tokoa; **12** Ary Jehovah hampandeha lavitra ny olona, Ka ho be ny lao ao amin' ny tany; **13** Ary na dia misy ampahafolony aza sisa, Dia mbola hosimbana ihany koa izany Kanefa kosa tahaka ny hazo terebinta sy ny ôka, Izay mbola misy fotony ihany na dia voakapa aza, Dia toy izany no mbola hisiana taranaka masìna ho fotony.

7 Ary tamin' ny andron' i Ahaza, zanak' i Jotama, zanak' i Ozia, mpanjakan' ny Joda, no niakaran-dRezina, mpanjakan' i Syria, sy Pelza, zanak' i Remalia, mpanjakan' ny Isiraely, hanafika an' i Jerosalema, nefa tsy nahafaka azy izy. **2** Dia nambara tamin' ny taranak' i Davida hoe: Injao ny Syriana efa mitoby any amin' ny Efraima. Ary nirondrona ny fony sy ny fon' ny vahoakany toy ny firondronan' ny hazo any an' ala, raha asian' ny rivotra. **3** Ary hoy Jehovah tamin' Isaia: Mivoaha ianao sy Seara-jasoba zanakao hitsena an' i Ahaza eo amin' ny faran' ny lakan-drano amin' ny kamory ambony, eo amin' ny lalambe mankamin' ny sahan' ny mpamotsy lamba, **4** ka lazao aminy hoe: Mitandrema, ka aza taitaitra foana; Aza matahotra, ary aoka tsy ho ketraka ny fonao Noho ireto tapa-porohana roa midonaka ireto, Dia ny firehetan' ny fahatezeran-dRezina sy Syria ary ny zanak' i Remalia. **5** Satria efa nanao saina hampidi-doza aminao Syria sy Efraima ary ny zanak' i Remalia ka nanao hoe: **6** Andeha isika hananika an' i Joda ka hampaharaiki-tahotra azy Ary hanafaka azy ho antsika ka hanangana ny zanak' i Tabeala ho mpanjaka ao afovoany, **7** Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tsy ho tanteraka izany, Ary tsy hisy izany; **8** Fa ny lohan' i Syria dia Damaskosy, Ary ny lohan' i Damaskosy dia Rezina (Ary ao anatin' ny dimy amby enim-polo taona dia ho rava ny Efraima ka tsy ho vanon-ko firenena intsony), **9** Ary ny lohan' i Efraima dia Samaria, Ary ny lohan' i Samaria dia ny zanak' i Remalia. Raha tsy mety mino ianareo, Dia tsy ho tafatoetra. **10** Ary Jehovah mbola niteny tamin' i Ahaza ihany ka nanao hoe: **11** Mangataha famantarana amin' i Jehovah Andriamanitrao; eny, mangataha na ho avy amin' ny lalina ambany, na ho avy amin' ny avo ambony. **(Sheol h7585)** **12** Fa hoy Ahaza: Tsy hangataka aho, fa tsy haka fanahy an' i Jehovah **13** Dia hoy Isaia: Mihainoa ary, ny taranak' i Davida: Ataonareo ho zavatra kely foana moa ny hanasatra ny olona, No dia hanasatra an' Andriamanitro koa ianareo? **14** Ary noho izany dia ny Tompo no hanome famantarana ho anareo: Indro, hanan' anaka ny virijina ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany hataony hoe Imanoela. **15** Rehefa mahalala handà ny ratsy sy hifidy ny tsara izy, Dia rononomandry sy tantely no ho fihinany. **16** Fa raha tsy mbola mahalala handà ny ratsy sy hifidy ny tsara izany zaza izany, Dia ho lao ny tanin' ireo mpanjaka roa maharaiki-tahotra anao ireo. **17** Jehovah hahatonga aminao sy ny olonao ary ny mpianakavin-drainao Izay andro tsy mbola nisy toa azy Hatramin' ny andro nialan' i Efraima tamin' ny Joda (Dia ny mpanjakan' i Asyria); **18** Ary amin' izany andro izany Jehovah hisiaka hiantso ny lalitra, izay any amin' ny faran' ny onin' i Egypta, sy ny renitantely, izay any amin' ny tany Asyria; **19** Dia ho avy ireo, ka samy hipetraka amin' ny lohasaha lao, sy eny an-tsefatsefaky ny harambato, sy eny amin' ny fefy tsilo rehetra, ary eny amin' ny saha fiandrasana rehetra. **20** Amin' izany andro izany koa ny Tompo hanaratra ny loha sy ny volon-tongotra Amin' ny hareza nohofana any amoron' ny Ony (Dia ny mpanjakan' i Asyria); Ary ny volom-bava hokakasana amin' iny koa. **21** Ary amin' izany andro izany Dia samy hiompy ombivavy kely sy ondry roa ny olona; **22** Ary noho ny haben' ny ronono azo avy amin' ireo dia hihinana rononomandry izy; Fa rononomandry sy tantely no ho fihinan' ny olona sisa rehetra ao amin' ny tany. **23** Ary amin' Izany andro izany dia ho rakotry ny hery sy ny tsilo Ny tany rehetra izay nisy voaloboka arivo nahazo sekely arivo. **24** Zana-tsipìka sy tsipìka no ho entin' izay miditra ao, satria rakotry ny hery sy ny tsilo ny tany rehetra. **25** Ary ny tanety rehetra izay nohevoina tamin' ny angady dia tsy ho azonao diavina noho ny fahatahorana ny hery sy ny tsilo; Fa ho falehan' ny omby sy ho voahitsakitsaky ny ondry aman' osy izany.

8 Ary hoy Jehovah tamiko: Mangalà fafana lehibe, ka soraty aminy araka ny fanoratry ny olona hoe: "Ho an' i Mahera-salala-hasi-baza." **2** Ary haka vavolombelona mahatoky Aho, dia Oria mpisorona sy Zakaria, zanakalahin' i Jeberekia. **3** Ary nankany amin' ny mpaminanivavy, aho; dia nanan' anaka izy ka niteraka zazalahy. Ary hoy Jehovah tamiko: Aoka ny anarany hataonao hoe Mahera-salala-hasi-baza. **4** Fa raha tsy mbola mahatonona hoe Idada na Ineny io zazalahy io, dia hobaboina eo anatrehan' ny mpanjakan' i Asyria ny haren' i Damaskosy sy ny fananan' i Samaria. **5** Ary Jehovah dia mbola niteny tamiko indray hoe: **6** Satria ity firenena ity mandà ny rano Siloa izay misononoka Ary mifaly amin-dRezina sy ny zanak' i Remalia, **7** Dia, indro, hampiakarin' ny Tompo hanafotra azy ny rano be sady manonja amin' ny Ony (Dia ny mpanjakan' i Asyria sy ny voninahiny rehetra); Ary ny masondranony rehetra ho tondraka, Ary ny morony rehetra hihoarany; **8** Dia himaona fatratra izy ka hihatra amin' ny Joda Ary hanafotra sady mbola hisondrotra ihany Mandra-pahatongany havozona; Ary ny fipasany eny an-daniny roa dia hanenika ny taninao, ry Imanoela ô. **9** Misafoaha ihany ianareo, ry firenena ô, nefa mbola ho ringana mihitsy ianareo; Ary mihainoa ihany, ry tany lavitra rehetra, misikìna ihany ianareo, nefa mbola ho ringana mihitsy; Eny, misikìna ihany ianareo, nefa mbola ho ringana mihitsy. **10** Makà saina ihany ianareo, nefa mbola hofoanana izany; Milazà ihany ny teny, nefa tsy ho tanteraka izany tsy akory; Fa aminay Andriamanitra. **11** Fa izao no nolazain' i Jehovah tamiko, raha nanindry ahy mafy ny tànany, Ka nanariny tsy handeha amin' ny falehan' ity firenena ity aho: **12** Aza mba lazainareo ho tetika fikomiana izay lazain' ity firenena ity ho tetika fikomiana; Ary aza matahotra izay atahorany na mangovitra ianareo. **13** Jehovah, Tompon' ny maro, no hasino; Ary aoka Izy

ihany no hatahoranareo, Ary Izy ihany no hangovitanareo. **14** Dia ho fitoerana masìna ho anareo Izy, Fa ho vato mahatafintohina sy vatolampy mahasolafaka kosa Amin' ny firenena roa amin' ny Isiraely, sady ho fandrika sy tonta Amin' ny mponina any Jerosalema. **15** Ary maro ao aminy no ho tafintohina sady ho lavo sy ho ringana Ary ho voafandrika sy ho voasambotra. **16** Fehezo ny teni-vavolombelona, Ary asio tombo-kase ny lalàna eo amin' ny mpianatro. **17** Ary hiandry an' i Jehovah aho Izay manafina ny tavany amin' ny taranak' i Jakoba, Ka hanantena Azy ihany aho. **18** Indreto, izaho sy ireo zaza nomen' i Jehovah ahy dia famantarana sy fahagagana ao amin' ny Isiraely Avy amin' i Jehovah, Tompon' ny maro, Izay monina ao an-tendrombohitra Ziona. **19** Ary raha lazainy aminareo hoe: Milà saina amin' ny manao azy ho tsindrian-javatra sy ny mpanao sikidy, izay mitsiatsiaka sy miboeriboerika, Moa tsy Andriamaniny va no tokony hilan' ny olona saina? Fa hila saina amin' ny maty ho an' ny velona va izy? **20** Ho amin' ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, Dia olona izay tsy hiposahan' ny fahazavan' ny maraina. **21** Dia samy hivezivezy amin' ny tany izy rehetra sady mahantra no mosarena; Ary rehefa mosarena izy, dia ho sosotra ka hanozona ny mpanjakany sy Andriamaniny, ary dia hiandrandra; **22** Ary hijery ny tany izy, ka indro fahoriana sy fahamaizinana ary manjombona mahafadiranovana, Ary horoahina ho any amin' ny aizim-pito izy.

9 Fa tsy hanjombona mandrakariva ilay efa nozoim-pahoriana. Tamin' ny taloha dia nataony tsinontsinona ny tany Zebolona sy ny tany Naftaly; Fa amin' ny aoriana kosa dia homeny voninahitra ny lalana eo amoron-dranomasina, any an-dafin' i Jordana, Dia Galilia, tanin' ny jentilisa. **2** Ny olona izay mandeha amin' ny maizina dia mahita mazava lehibe; Izay mitoetra amin' ny tany aloky ny fahafatesana no iposahan' ny mazava. **3** Hamaroinao ity firenena ity, Ary ampitomboinao ny hafaliany; Mifaly eo anatrehanao izy tahaka ny hafaliana amin' ny fararano, ary tahaka ny fifalin' ny olona, raha mizara babo. **4** Fa ny bao fitondran-entany sy ny tsorakazo nikapohana ny lamosiny; Izay tsorakazon' ny mpampiasa azy, Dia tapahinao tahaka ny tamin' ny andro namelezana ny Midiana. **5** Fa ny kiraron' izay mitrevatreva fandeha eo amin' ny fihorakorahan' ny ady sy ny fitafiana mihosindra dia samy hodoroana, eny, ho kitay hatohoka amin' ny afo izany. **6** Fa Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena antsika; Ary ny fanapahana dia eo an-tsorony, ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Rain' ny mandrakizay Andrian' ny fiadanana. **7** Ny handrosoan' ny fanapahana sy ny fiadanana dia tsy hanam-pahataperana Eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida sy ny fanjakany, mba hampiorenana sy hampitoerana azy amin' ny rariny sy ny hitsiny hatramin' izao ka ho mandrakizay; ny fahasaro-piaron' i Jehovah, Tompon' ny maro, no hahatanteraka izany. **8** Ny Tompo mandefa teny ho an' i Jakoba, ka mihatra amin' ny Isiraely izany. **9** Ary ho fantatr' izy iray firenena izany, dia Efraima sy ny mponina any Samaria, izay miteny amin' ny fiavonavonany sy ny fireharehan' ny fony manao hoe: **10** Biriky no efa nirodana, fa vato voapaika kosa no harafitsika; Aviavy no voakapa, fa sedera kosa no hasolontsika azy. **11** Ary Jehovah manandratra ny rafilahin-dRezina hihoatra azy Ary mamporisika ny fahavalony, **12** Dia ny Syriana avy any atsinanana sy ny Filistina avy any andrefana; Ary misanasana vava mandrapaka ny Isiraely ireo. Kanefa, na dia izany rehetra izany aza, dia tsy mbola afaka ihany ny fahatezerany, Fa mbola mihinjitra ihany ny tanany. **13** Fa ny olona tsy miverina amin' Izay mamely azy, Eny, Jehovah, Tompon' ny maro, tsy mba tadiaviny. **14** Ka dia nofongoran' i Jehovah amin' ny Isiraely indray andro monja Ny loha sy ny rambo, ny sampan-drofia sy ny zozoro **15** (Ny loholona sy ny manan-kaja no loha, ary ny mpaminany izay mampianatra lainga no rambo); **16** Fa ny mpitarika ity firenena ity no tonga mpampivily azy, Ary izay tarihiny dia voatelina. **17** Ary noho izany dia tsy mahafaly an' i Jehovah ny zatovony, ary ny kamboty sy ny mpitondratena ao aminy dia tsy iantrany; Fa samy mpihatsaravelatsihy sy mpanao ratsy izy, ary ny vava rehetra mamoaka teny fahadalana. Kanefa, na dia izany rehetra izany aza, dia tsy mbola afaka ihany ny fahatezerany, Fa mbola mihinjitra ihany ny tànany. **18** Fa ny faharatsiana mandoro tahaka ny afo, Mandevona ny tsilo sy ny hery ary mampirehitra ny ala mikirindro ka mitambolimbolina tahaka ny setroka misavoana. **19** Noho ny fahatezeran' i Jehovah, Tompon' ny maro, dia efa maintin' ny afo ny tany, ary ny olona dia tahaka ny kitay atohoka amin' ny afo; Tsy misy olona miantra ny rahalahiny **20** Ary mandripaka eny ankavanana izy nefa noana ihany; Ary mandany eny an-kavia izy, nefa tsy voky ihany; Samy mihinana ny nofon-tsandriny avy izy rehetra, **21** Eny, Manase mihinana an' i Efraima, ary Efraima kosa mihinana an' i Manase, Ary izy roa tonta dia miara-mamely an' i Joda. Kanefa, na dia izany rehetra izany aza, dia tsy mbola afaka ihany ny fahatezerany, Fa mbola mihinjitra ihany ny tànany.

10 Lozan' izay mamorona fikasana tsy marina sy izay mpanoratra manoratra fampahoriana, **2** Hampialany ny mahantra amin' ny fitsarana sy hanalany ny rariny amin' izay ory eo amin' ny oloko, Handrobany ny mpitondratena sy hamaboany ny kamboty! **3** Ary ahoana no hataonareo amin' ny andro famaliana sy amin' ny fandravana izay avy amin' ny lavitra? Ho any amin' iza no handosiranareo hamonjy anareo? Ary aiza no hametrahanareo ny harenareo? **4** Tsy misy azony atao afa-tsy ny mihohoka voatsindrin' ny mpifatotra sy ny lavo voatsindrin' ny voavono. Kanefa, na dia izany rehetra izany aza, dia tsy mbola afaka ihany ny fahatezerany, Fa mbola mihinjitra ihany ny tànany. **5** Endrey! ry Asyria, tsorakazon' ny fahatezerako ô, Eny, tehina eny an-tànany ny fahavinirako! **6** Hamely firenena mihatsaravelatsihy no anirahako azy, ary hamely ny firenena izay iharan' ny fahatezerako no andidiako azy, hamabo sy handroba ary hanao azy ho fanitsakitsaka tahaka ny fotaka eny an-dalambe. **7** Kanjo tsy izany no kasainy, ary tsy izany no heverin' ny fony; Fa ny handringana sy ny hamongotra firenena tsy vitsy no ao am-pony. **8** Fa hoy

izy: Tsy mpanjaka avokoa va ireny governorako ireny? **9** Tsy tahaka an' i Karkemisy va Kalno? Tsy tahaka an' i Arpada va Hamata? Ary tsy tahaka an' i Damaskosy va Samaria? **10** Tahaka ny nahatraran' ny tanako ny fanjakan' ny andriamani-tsi-izy, na dia nihoatra noho ny an' i Jerosalema sy ny an' i Samaria aza ny sampin' ireo, **11** Dia tsy tahaka ny nataoko tamin' i Samaria sy ny andriamanini-tsi-izy va no hataoko amin' i Jerosalema sy ny sampiny koa? **12** Kanefa rehefa vitan' ny Tompo ny asany rehetra ao an-tendrombohitra Ziona sy Jerosalema, dia hovaliany kosa ny vokatry ny fiavonavonan' ny fon' ny mpanjakan' i Asyria sy ny reharehan' ny fiandranandran' ny masony; **13** Fa izy manao hoe: Tamin' ny herin' ny tanako no nanaovako izany, sy tamin' ny fahendreko, fa mahira-tsaina aho; Ary nanaisotra ny faritanin' ny firenena aho sady namabo ny hareny, ary tahaka ny famotraky ny ombilahy no namotrahako mpanapaka; **14** Ary tahaka ny fakàna ny ao amin' ny akanim-borona no nakan' ny tanako ny haren' ny firenena; Ary tahaka ny famory atody nilaozandreniny no namoriako ny any amin' ny tany rehetra, Ka tsy nisy nikopaka elatra, na nisoka-bava, na nikiakiaka. **15** Ny famaky va hirehareha amin' izay mikapa aminy? Ny tsofa va hiavonavona amin' izay manatsofa aminy? Toy ny tsorakazo, raha manetsika izay manainga azy! Ary toy ny tehina, raha manandratra ny tompony! **16** Koa izany no anateran' ny Tompo, dia ny Tompon' ny maro, fahahiazana amin' ny tremalahiny; Ary ao ambanin' ny voninahiny dia hisy mirehitra toy ny firehitry ny afo. **17** Ary ny fahazavan' ny Isiraely ho tonga afo, ary ny Iray Masiny ho tonga lelafo, ka hodorany ho levona indray andro monja ny tsilony sy ny heriny; **18** Ary ny voninahitry ny alany sy ny sahany mahavokatra dia holevoniny, na ny fanahiny, na ny nofony, ka ho tahaka ny fifezak' izay marary mafy izany. **19** Ary ho vitsy ny hazo sisa any an' alany, ka na dia izay mbola zaza aza hahasoratra azy. **20** Ary amin' izany andro izany ny Isiraely sisa, izay tsy ringana amin' ny taranak' i Jakoba, dia tsy hiankina amin' izay namely azy intsony; Fa Jehovah, Iray Masin' ny Isiraely, ihany no hiankinany marina tokoa. **21** Ary izay sisa amin' i Jakoba dia hiverina ho amin' Andriamanitra Mahery. **22** Fa na dia tahaka ny fasika any amin' ny ranomasina aza ny isan' ny Isiraely olonao, dia izay sisa aminy ihany no hiverina; Voatendry ny fandringanana izay hanafotra ho famaliana marina; **23** Fa fahafonganana voatendry no hataon' i Jehovah, Tompon' ny maro, Ao amin' ny tany. **24** Koa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Ry oloko, izay monina any Ziona, Aza matahotra ny Asyriana, raha mamely anao amin' ny tsorakazo izy ary manainga ny tehina aminao, tahaka ny fanao tany Egypta; **25** Fa rehefa afaka vetivety, dia hitsahatra ny fahavinirana, ary ny fahatezerako dia handringana azy kosa. **26** Eny, Jehovah, Tompon' ny maro, hamely azy amin' ny kotopia, tahaka ny namelezana ny Midiana teo am-batolampy Oreba; ary ny tsorakazony haingainy eny ambonin' ny ranomasina ka hatsangany tahaka ny fanao tany Egypta. **27** Ary amin' izany andro izany dia ho afaka eo an-tsorokao ny entany ary ny bao fitondrany ho afaka amin' ny vozonao, ary ho tapaka ny bao fitondrana noho ny fihatavezany. **28** Injao! tonga any Aiata izy, mamaky an' i Migrona izy ary mametraka ny entany ao Mikmasy, **29** Mihoatra ao ankadilanana izy Ao Geba isika no handry, hoy izy; Mangovitra Rama, mandositra Gibean' i Saoly; **30** Mikiakiaha mafy, ry zanakavavin' i Galima, Mampandria sofina, ry Laisy. Indrisy, ry Anatota mahantra! **31** Lasa mandositra Madmena, ny mponina any Gebima mitondra ny entany mandositra. **32** Anio izy mbola mitoetra any Noba, Maninjitra ny tànany manambana ny tendrombohitr' i Ziona zanakavavy, dia ny havoan' i Jerosalema. **33** Indro, Jehovah, Tompon' ny maro, manapaka ny rantsany madinika amin' ny heriny mahatahotra; Ary izay mijoaka lava no voakapa, ary izay avo no aetry; **34** Ary kapaina vy ny ala mikirindro, ary Libanona dia alamaky ny iray Mahery.

11 Ary hisy Solofo mitsimoka eo amin' ny fototr' i Jese, ary hisy mitrebona avy eo amin' ny fakany; **2** Ary ny fanahin' i Jehovah hitoetra ao aminy, dia ny Fanahin' ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina; Ny Fanahin' ny fanoloran-tsaina sy ny faherezana; Ny Fanahin' ny fahalalana sy ny fahatahorana an' i Jehovah; **3** Ary ho hanitra ankasitrahana aminy ny fahatahorana an' i Jehovah, ka tsy hitsara araka ny hitan' ny masony izy, na hampiaiky araka ny ren' ny sofiny; **4** Fa hotsarainy amin' ny fahamarinana ny malahelo; Ary homeny rariny ny mpandefitra amin' ny tany; hamely ny tany amin' ny tsorakazon' ny vavany Izy, ary ny fofonain' ny molony no hamonoany ny ratsy fanahy. **5** Fahamarinana no ho fisikinany, ary fanahy mahatoky no ho fehin-kibony **6** Ary ny amboadia hiara-mitoetra amin' ny zanak' ondry; Ny leoparda hiara-mandry amin' ny zanak' osy; Ary ny zanak' omby sy ny liona tanora sy ny ombikely mifahy hiray toerana, Ary ny zazakely no hiroaka azy. **7** Ary ny ombivavy sy ny bera hiara-komana; Ny zanany hiara-mandry; Ary ny liona hihinamololo tahaka ny omby; **8** Ny zaza minono hilalao amin' ny lavaky ny vipera, ary ny zaza mitsaha-nono haninjitra ny tànany ao amin' ny lavaky ny menarana. **9** Ary tsy handratra na hanimba eran' ny tendrombohitro masìna izy; Fa ny tany ho henika ny fahalalana an' i Jehovah, tahaka ny anaronan' ny rano ny fanambanin' ny ranomasina. **10** Ary amin' izany andro izany ny solofon' i Jese, Izay hitsangana ho fanevan' ny firenena, dia Izy no hotadiavin' ny jentilisa; Ary ny fitoerany dia ho voninahitra. **11** Ary amin' izany andro izany ny Tompo dia mbola haninjitra ny tànany fanindroany hanavotra ny olony, izay mbola sisa, avy any Syria sy Egypta sy Patrosa sy Etiopia sy Elama sy Sinara sy Hamata Ary ny avy any amin' ny moron-dranomasina. **12** Dia hanangana faneva ho an' ny jentilisa Izy ka hamory ny Isiraely izay voaroaka sy hanangona ny Joda izay voaely Avy any amin' ny vazan-tany efatra. **13** Ary hitsahatra ny fialonan' i Efraima, ary hofongorana ny fandrafiana' an i Joda: Efraima tsy hialona an' i Joda, Ary Joda tsy handrafy an' i Efraima. **14** Fa hipaoka ny tanin' ny Filistina any andrefana ireo sy hiara-mamabo ny zanaky ny atsinanana; amin' i Edoma sy Moaba no haninjirany ny tanany, ary ny taranak' i Amona hanoa azy. **15** Ary Jehovah handritra

ny sakeli-dranomasina Egyptiana ary haninjitra ny tànany amin' ny ony ka hamely azy amin' ny rivony mahamay Ka hampisaraka azy hisampana fito Ary hahatafita ny olona tsy miala kapa. **16** Ary hisy lalana voavoatra halehan' ny olony sisa, izay sisa avy any Asyria, dia toy ny ho an' ny Isiraely tamin' ny andro niakarany avy tany amin' ny tany Egypta.

12 Ary hiteny ianao amin' izany andro izany hoe: Hidera Anao aho, Jehovah ô; Fa na dia tezitra tamiko aza Hianao, dia afaka ny fahatezeranao, ka mampionona ahy Hianao. **2** Indro, Andriamanitra no famonjena ahy; dia hatoky aho, fa tsy mba hatahotra; Fa Jehovah Tompo no heriko sy fiderako, fa efa famonjena ahy Izy. **3** Koa amin' ny fifaliana no hantsakanareo rano amin' ny loharanom-pamonjena. **4** Ary hiteny ianao amin' izany andro izany ka hanao hoe: Miderà an' i Jehovah, miantsoa ny anarany, ampahafantaro any amin' ny firenena ny asany. Ampahatsiarovy fa efa misandratra ny anarany. **5** Mankalazà an' i Jehovah, fa asa lehibe no nataony; Ary aoka ho fantatra any amin' ny tany rehetra izany. **6** Miantsoa mafy sy mihobia, ry mponina any Ziona; Fa lehibe ao afovoanao ny Iray Masin' ny Isiraely.

13 Faminaniana hitan' Isaia, zanak' i Amoza, ny amin' ny loza hanjo an' i Babylona. **2** Manangàna faneva eo an-tampon' izay tendrombohitra mangadihady ianareo, manandrata feo hiantso azy, hofay tanana izy hiditra amin' ny vavahadin' ireo mpanapaka. **3** Izaho efa nandidy ny nohamasiniko, eny, efa niantso ny lehilahy maheriko aho, dia ireo mibitaka amim-pireharehana, hahatanteraka ny fahatezerako. **4** Injany! ny horakoraka any an-tendrombohitra, tahaka ny an' ny vahoaka be! Dia ny fitabataban' ny fanjakan' ny firenena efa tafatambatra! Jehovah, Tompon' ny maro, no manomana miaramila hiady, **5** Izay avy any amin' ny tany lavitra, any amin' ny faravodilanitra, dia Jehovah sy ireo fitaovan' ny fahatezerany, ho enti-mandrava ny tany rehetra. **6** Midradradradrà ianareo, fa efa antomotra ny andron' i Jehovah, ka tahaka ny loza tsy toha avy amin' ny Tsitoha no fihaviny. **7** Ary noho izany dia hiraviravy ny tanana rehetra, ary ho kivy ny fon' ny zanak' olombelona rehetra; **8** Ho toran-kovitra izy; Fanaintainana sy fahoriana no hahazo azy, ka hijalijaly tahaka ny vehivavy mihetsi-jaza izy; samy ho talanjona izy ka hifampijery; Mitarehin-delafo ny tarehiny. **9** Indro, avy ny andron' i Jehovah, dia loza sy fahavinirana ary firehetan' ny fahatezerana hanafoanana ny tany sy handringanana ny mpanota tsy ho ao. **10** Fa ny kintan' ny lanitra, na dia ireo Telonohorefy aza, dia tsy hampamirapiratra ny fahazavany; ny masoandro ho maizina amin' ny iposahany; Ary ny volana tsy hangarangarana. **11** Ary hatsingeriko amin' izao tany rehetra izao ny faharatsiany, sy amin' ny ratsy fanahy ny helony; Ary hatsahatro ny fireharehan' ny mpiavonavona, Ary haetriko ny fiavonavonan' ny mpampahory. **12** Dia hataoko ho saro-tadiavina mihoatra noho ny volamena tsara ny olombelona, eny, noho ny tena volamena avy any Ofira aza. **13** Ary noho izany dia hampihorohoroiko ny lanitra, ary ny tany hientanentana hiala amin' ny fitoerany noho ny fahatezeran' i Jehovah, Tompon' ny maro, sy noho ny andro firehetan' ny fahatezerany. **14** Ary ho tahaka ny gazela hazaina ny olona, sy ho tahaka ny ondry aman' osy tsy misy mpamory, ka dia samy ho lasa any amin' ny fireneny avy izy, eny, samy handositra ho any amin' ny taniny avy izy. **15** Izay rehetra azo dia holefonina, ary izay rehetra tratra dia ho lavon' ny sabatra. **16** Ary ny zanany madinika hotorotoroina eo imasony; Ny tranony hobaboina, ary ny vadiny hosavihina. **17** Indro, hamporisihiko hamely azy ny Mediana, izay manao ny volafotsy tsy ho zavatra ary tsy mankamamy ny volamena. **18** Ny tsipìkany handripaka ny zatovo, ary izay ateraky ny kibo tsy hamindrany fo, eny, na dia ny zaza aza tsy hiantran' ny masony. **19** Ary Babylona, ravaky ny fanjakana maro Tabiha sy reharehan' ny Kaldeana, Dia ho rava tahaka ny nandravan' Andriamanitra an' i Sodoma sy Gomora; **20** Tsy honenana mandrakizay izy ary tsy hitoerana intsony hatramin' ny taranaka fara mandimby, Tsy hisy Arabo hanorin-day any, na mpiandry ondry hampandry ny ondriny any; **21** Fa ny bibi-dia any an-efitra no hitoetra any, ho feno vorondolo ny tranony, ny ostritsa no hitoetra any, ary ny osilahy no hitsambikimbikina any, **22** Ny kary no hifampierena ao an-tranobeny, ary ny amboadia ao amin' ny lapa nanaranam-po; efa antomotra ny fotoany, ary ny androny tsy hatao ela.

14 Fa Jehovah hamindra fo amin' i Jakoba, ary mbola hifidy ny Isiraely indray ka hamponina azy ao amin' ny taniny; ary ny vahiny hikambana aminy, ary ny taranak' i Jakoba ho namany **2** Dia haka azy ny firenena ka hanatitra azy hody; ary ny taranak' Isiraely hanana azy ho ankizilahiny sy ankizivaviny ao amin' ny tanin' i Jehovah; dia ho tonga mpamabo izay namabo azy izy; ary hampanompo izay nampahory azy. **3** Ary amin' ny andro hanomezan' i Jehovah fitsaharana anao ho afaka amin' ny fahorianao sy ny fitebitebin' ny fonao ary ny fanompoana mafy izay nampanompoana anao, **4** dia hataonao izao oha-teny ny amin' ny mpanjakan' i Babylona izao: Hià! mitsahatra ilay mpampahory! Eny, tsy ao intsony ilay tanàna volamena! **5** Jehovah efa nanapatapaka ny tehin' ny ratsy fanahy. Dia ny tehina fanapahan' ny mpanapaka, **6** Izay namely firenena tamin' ny fahatezerana, tamin' ny famelezana tsy nanam-pitsaharana, sady nampanompo firenena tamin' ny fahatezerana, tamin' ny fanenjehana tsy misy antra. **7** Miadana ka mandry fahizay ny tany rehetra; Velominy ao ny hoby, **8** Eny, ny hazo kypreso sy ny sedera any Libanona hifaly anao hoe: Hatrizay niambohoanao izay dia tsy nisy mpikapa niakatra tatỳ aminay. **9** Taitra ny fiainan-tsi-hita any ambany noho ny aminao mba hitsena anao amin' ny fihavianao; Mamoha ny matoatoa hitsena anao izy, dia ireny bibilahy rehetra tambonin' ny tany; Aingainy hiala amin' ny seza fiandrianana ny mpanjakan' ny firenena rehetra. **(Sheol h7585)** **10** Izy rehetra samy hiteny aminao hoe: Hay! ianao koa mba efa osa tahaka anay! Efa tonga tahaka anay ianao! **11** Efa navarina ho etỳ amin' ny fiainan-tsi-hita ny tabihanao mbamin' ny feon' ny valihanao; Kankana no ilafihanao, ary olitra no mandrakotra anao. **(Sheol h7585)** **12** Endrey! latsaka avy tany an-danitra ianao, ry ilay fitarik' andro, zanaky ny maraina; Voakapa hianjera amin' ny

tany ianao, ry ilay mpandripaka firenena. **13** Ary ianao efa nanao anakampo hoe: Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin' ny kintan' Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; Dia hipetraka eo an-tendrombohitra; fivoriana any am-parany avaratra aho; **14** Hiakatra ho any ambonin' ny havoan' ny rahona aho ka ho tahaka ny Avo Indrindra; **15** Kanjo hampidinina hatrany amin' ny fiainan-tsi-hita ho any ampara-vodilavaka ianao. **(Sheol h7585)** **16** Izay mahita anao hibanjina anao sy hihevitra anao hoe: Moa io va ilay lehilahy nampihorohoro ny tany sy nampihozongozona ny fanjakana **17** Ary nanao izao tontolo izao ho efitra sy nandrava ny tanànany Ary tsy nandefa ny mpifatotra hody? **18** Ny mpanjaka rehetra amin' ny firenena samy mandry amin' ny voninahitra avokoa, ary samy ao am-pasany avy; **19** Fa ianao kosa dia nariana niala lavitra ny fasanao, tahaka ny solofon-kazo ratsy izay ariana, sady voatsindrin' ny fatin' ny voavono ianao, dia ireo voatrabaky ny sabatra, ka midìna ho ao amin' ny vato ao an-davaka, tahaka ny faty hitsakitsahin' ny tongotra. **20** Tsy halevina tahaka ireny ianao, satria efa nanimba ny taninao sady efa namono ny olonao; tsy hotononina mandrakizay ny taranaky ny mpanao ratsy! **21** Manamboara famonoana hamelezana ny zanany noho ny heloky ny razany; tsy hitsangana hanana ny tany izy, Na hanorina tanana eran' izao tontolo izao. **22** Fa hitsangana hamely azy aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, ary hofoanako ny anaran' i Babylona sy izay sisa ao mbamin' ny zanany sy ny taranany, hoy Jehovah. **23** Ary hataoko fonenan' ny sokina sy fihandronan' ny rano izy, ary hofafako kifafa fandringanana izy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **24** Jehovah, Tompon' ny maro, efa nianiana hoe: Araka izay noheveriko no hatao aminy ary araka izay nokasaiko no hotovina aminy, **25** Dia ny hanorotoro ny Asyriana ao amin' ny taniko, ary ny hanitsakitsaka azy eny an-tendrombohitro; ny zioga fitondrany dia hiala amin' ireo, ary ny entany ho afaka amin' ny sorony **26** Izany no fikasana ny amin' ny tany rehetra, ary izany no tanana ahinjitra amin' ny firenena rehetra. **27** Fa Jehovah, Tompon' ny maro, no efa nikasa, ka iza indray no hahafoana izany? Ary ny tànany dia voahinjitra, ka iza no hampihemotra izany? **28** Tamin' ny taona nahafatesan' i Ahaza mpanjaka no nisy izao faminaniana ny loza hanjo izao: **29** Aza mifaly, ry Filistia rehetra, saingy tapaka ny tsorakazo namely anao; fa avy ao an-kibon' ny bibilava no hihavian' ny menarana, ary ny aterany ho tonga menaran' afo manidina. **30** Ny faraidina indrindra hihinana, ary ny mahantra handry fahizay; Fa hataoko maty mosary kosa izay tsy ringana aminao, eny, izay sisa aminao ho matiny. **31** Midradradradrà, ry vavahady, ary mitaraina, ry tanàna; Aoka ho ketraka avokoa ianao, ry Filistia! Fa misy setroka mitranga avy any avaratra, ary tsy misy miala amin' ny laharany akory ny miaramilany. **32** Ary inona moa no valiny ho entin' ny iraky ny jentilisa? Izao: Jehovah efa nanorina an' i Ziona, ary ao no hialofan' izay olony ory.

15 Faminaniana ny amin' ny loza hanjo an' i Moaba. Fa tamin' ny indray alina no nandravana an' i Ara-moaba, ka fongotra izy; Fa tamin' ny indray alina no nandravana an' i Kira-moaba, ka fongotra izy; **2** Miakatra ho ao amin' ny tempoly sy ho ao Dibona ny olona, dia ao amin' ny fitoerana avo, mba hitomany; any Nebo sy Medeba no idradradradran' i Moaba; Mibory ny loha rehetra; Voaharatra ny somotra rehetra. **3** Eny an-dalambe dia misikìna lamba fisaonana izy; eny an-tampon-tranony sy eny an-kalalahana dia midradradradra avokoa izy, eny, mijohy ny ranomasony. **4** Ary mitaraina Hesbona sy Elale, ka re hatrany Jahaza ny feony, ary noho izany dia miantso mafy ny miaramilan' i Moaba, Mangovitra ny fanahiny ao anatiny. **5** Ny foko mitaraina noho ny amin' i Moaba; Ny mandositra avy ao dia tonga hatrany Zoara sy Egleta-selisia; fa miakatra mitomany ao amin' ny fiakarana Lohita izy sy midradradradra amin' ny famoizam-po eny an-dalana mankany Horonaima. **6** Fa Nimrima tsara rano dia tonga karankaina; maina ny ahitra, malazo ny zava-maniry, ka tsy misy zava-maitso intsony. **7** Ary amin' izany ny harena be izay nohariny ny entany izay mbola voatahiriny dia entiny ho any am-pitan' ny lohasahan-driaky ny hazomalahelo. **8** Fa ny fitarainany manodidina ny sisin' i Moaba, re hatrany Eglaima ny fidradradradrany Eny, re hatrany Ber-elima ny fidradradradrany. **9** Fa ny ranon' i Dimona dia feno rà; fa mbola hampiako ny loza manjo an' i Dimona, dia liona handrapaka izay efa mandositra avy any Moaba, sy handany izay sisa amin' ny tany.

16 Atero ny zanak' ondrin' ny mpanapaka ny tany, dia miala an' i Sela ka mamaky ny efitra hatramin' ny tendrombohitr' i Ziona zanakavavy. **2** Ary tahaka ny vorona notairina niala tamin' ny akaniny ka mirenireny foana, dia ho toy izany ny zanakavavin' i Moaba ao amin' ny fitàna any Arnona. **3** Manolora saina, manomeza rariny ataovy tahaka ny alina ny alokao, na dia amin' ilay andro mitataovovonana iny aza; Afeno izay voaroaka, Ary aza aseho izay mandositra! **4** Aoka hitoetra ao aminao izay oloko voaroaka; Ary aoka ho fieren' i Moaba ianao, mba tsy ho azon' ny mpandringana izy; Fa tsy misy intsony ny mpampahory, tapitra ny loza, tsy misy amin' ny tany intsony ny mpanosihosy. **5** Ary hisy seza fiandrianana hampitoerina amin' ny famindram-po, ka hisy hipetraka eo aminy amin' ny fahamarinana ao an-dain' i Davida, ary hitsara sy handinika izay marina izy, sady ho faingam-pamoaka ny rariny. **6** Efa renay ny fiavonavonan' i Moaba fatra-piavonavona loatra izy dia ny fireharehany sy ny fiavonavonany sy ny fihoa-bavany ary ny fibedibediny foana. **7** Ary noho izany dia ho indray midradradradra Moaba, eny, samy hidradradradra avokoa izy rehetra; Fa hitomany ny ampempam-boalobok' i Kira-haresa ianareo ka ho ory indrindra. **8** Fa malazo avokoa ny sahan' i Hesbona sy ny voalobok' i Sibma, norantsanan' ny andrian' ny firenena ny sakeliny, tonga hatrany Jazera sy nisandrahaka tany an-efitra izy, ny sampany nandadilady ka tafita ny ranomasina. **9** Koa izany no hitomaniako ny voalobok' i Sibma, toy ny fitomanian' i Jazera, handena anao amin' ny ranomasoko aho, ry Hesbona sy Elale; fa mihatra amin' ny vokatrao lohataona sy ny fararanonao ny fanakorana. **10** Ny hafaliana sy ny haravoravoana efa nesorina tamin' ny saha mahavokatra, ka tsy hisy hoby na horakoraka ao amin' ny tanim-boaloboka; Ny mpanosihosy

tsy hanosihosy divay intsony ao amin' ny famiazana; Efa natsahatro ny fihobiana amin' ny fararano. **11** Ary noho izany ny tsinaiko dia mitaraina manao feon-dokanga noho ny amin' i Moaba, ary ny ato anatiko noho ny amin' i Kiraharesa. **12** Ary rehefa miseho Moaba ka sasatra ao amin' ny fitoerana avo. Ary mankao amin' ny fitoerany masìna mba hivavaka, dia tsy hahazo na inona na inona izy. **13** Izany no tenin' i Jehovah nataony fahiny ny amin' i Moaba. **14** Ary ankehitriny koa Jehovah miteny hoe: Amin' ny telo taona, tahaka ny taonan' ny mpikarama, dia ho tsinontsinona ny voninahitr' i Moaba, na dia betsaka aza ny vahoakany; ary izay sisa dia ho vitsy, eny, ho vitsy foana, fa tsy ho maro.

17 Indro, Damaskosy, dia rava tsy ho tanàna intsony, eny, tonga korontam-bato izy. **2** Efa lao ny tanànan' i Aroera ka ho an' ny andian' ny ondry aman' osy, handry ao ireo, ka tsy hisy hanaitaitra azy, **3** Ary tsy hisy tanàna mimanda intsony any Efraima, na fanjakana ao Damaskosy; Ary izay sisa amin' i Syria dia hitovy voninahitra amin' ny Zanak' Isiraely; Hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **4** Ary amin' izany andro izany dia hihena ny voninahitr' i Jakoba, ary hihena ny hataviny. **5** Ary ho tahaka ny fanangon' ny olona ny vary an-tahony amin' ny fararano izany, ka tangosan' ny sandriny ny salohim-bary; Eny, ho tahaka ny fanangon' ny olona salohim-bary eny amin' ny lohosahan' ny Refaïta; **6** Kanefa hisy sisa hotsimponina ihany izy tahaka ny amin' ny fikapohana ny hazo oliva: Hisy voany roa na telo ao an-tendrony ambony indrindra, efatra na dimy ao amin' ny rantsan' ny hazo mahavokatra, hoy Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely. **7** Amin' izany andro izany dia hanandrandra ny Mpanao azy ny olona, ary ny masony hijery ny Iray Masin' ny Isiraely, **8** Fa tsy hanandrandra ny alitara, asan' ny tànany, intsony izy. Ary ny nataon' ny rantsan-tànany tsy hahoany, na ny Aseraha, na ny tsangankazo ho an' ny masoandro. **9** Amin' izany andro izany ny tanànany mafy, dia ho tahaka ny tany lao any an' ala na any an-tampon-tendrombohitra Izay nilaozan' ny olona teo anoloan' ny Zanak' Isiraely, ka dia ho foana ny tany. **10** Fa nanadino an' Andriamanitry ny famonjena anao ianao ary tsy nahatsiaro ny vatolampy fiarovana mafy ho anao, ka dia nanao voly mahafinaritra ianao ary zana-boaloboka avy amin' ny firenena hafa no nambolenao teo; **11** Tamin' ny andro nambolenao azy dia nofefenao izy, ary nony maraina dia nampitsimohinao ilay nambolenao; nefa ho vokatra miavosa izany ho amin' ny andro fangirifiriana sy fanaintainana tsy azo sitranina. **12** Indrisy ny fihahohahon' ny firenena maro! Izay mihahohaho tahaka ny feon' ny ranomasina! Indrisy ny firohondrohon' ny olona maro be! Tahaka ny firohondrohon' ny rano manonja ny firohondrohony! **13** Eny, mirohondrohona tahaka ny firohondrohon' ny rano be ny firenena; kanefa hotezerana mafy izy, ka dia handositra lavitra ary ho lasa tahaka ny akofa eny an-tendrombohitra, raha paohin' ny rivotra, sy tahaka ny fakom-bary mitambolimbolina entin' ny tadio. **14** Raha hariva ny andro, dia, injao, fampahatahorana; ary raha tsy mbola maraina akory aza, dia tsy ao intsony ireny. Izany no anjaran' izay mamabo antsika sy tambin' izay mandroba antsika.

18 Indrisy ny tany be fibiziziokan' elatra! Izay any andafin' ny onin' i Etiopia, **2** Izay mampandeha iraka eny ambonin' ny ranomasina, ao anaty lakan-jozoro ambonin' ny rano, ka manafatra azy hoe: Mandehana, ry iraka faingampandeha, ho any amin' ny firenena lava tsanganana sady mandimandina, any amin' ny olona mahatahotra hatreto ka hatrany hatrany, dia firenena mpanao teny tsy valiana sady maherisetra, izay vakin' ny ony maro ny taniny. **3** Ry mponina rehetra amin' izao tontolo izao sy mpitoetra etỳ ambonin' ny tany! Raha misy faneva atsangana eo antampon-tendrombohitra, dia mijere ianareo, ary raha misy anjomara tsofina, dia mihainoa. **4** Fa izao no nolazain' i Jehovah tamiko hangina Aho aloha ka hijery eto amin' ny fitoerako, raha mbola mipoaka tsara ny hainandro, ary misy zavona amin' ny hainandro fararano. **5** Fa raha mbola tsy tonga ny fararano, rehefa tapitra ny fitsimohany, ka efa mby am-boany ny voniny, dia horantsanany amin' ny fanetezam-boaloboka ny rantsany, ary hotapahiny sy hesoriny ny sakeliny. **6** Dia hafoy avokoa izy ho an' ny vorona mpihaza eny an-tendrombohitra sy ho an' ny biby eny ambonin' ny tany; ary ny vorona mpihaza handany fahavaratra any; Ary ny biby rehetra ambonin' ny tany handany ririnina any. **7** Amin' izany andro izany dia hisy fanomezana ho entina ho an' i Jehovah, Tompon' ny maro, dia firenena lava tsanganana sady mandimandina, ary avy amin' ny firenena mahatahotra hatreto ka hatrany hatrany dia firenena mpanao teny tsy valiana sady maherisetra, Izay vakin' ny ony maro ny taniny ho ao amin' ny fitoeran' ny anaran' i Jehovah, Tompon' ny maro, dia ny tendrombohitra Ziona.

19 Indro, Jehovah mitaingina rahona miriotra mafy ka mankany Egypta; Ary ny andriamani-tsi-izy any Egypta dia mangorohoro eo anatrehany, ary ny fon' i Egypta dia ketraka ao anatiny. **2** Ary hamporisihiko hiady izy samy Egyptiana, ka samy hiady amin' ny rahalahiny avy sy amin' ny namany avy izy; Ny tanàna hiady amin' ny tanàna, ary ny fanjakana amin' ny fanjakana. **3** Ary ho very hevitra ny Egyptiana; Eny, hofoanako ny saina ataony; Ary hila saina amin' ny andriamani-tsi-izy sy amin' ny mpibitsibitsika amin' ny odiny izy sy amin' ny manao azy ho tsindrian-javatra ary amin' ny mpanao sikidy. **4** Ary Egypta dia hatolotro hogiazana amin' izay fitondrana mafy, ary mpanjaka masiaka no hanjaka aminy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **5** Ny rano amin' ny ranomasina ho tankina, ary ny ony ho ritra ka ho maina; **6** Ho maimbo ny sampantsampan' ny ony; Ary ny lahin-dranon' i Egypta hihena ka ho maina; Ny volotara sy ny zozoro halazo; **7** Ny tany eny amoron' i Neily sy ny tanimbary rehetra eny amoron' i Neily samy ho maina sy hanjary vovoka ka tsy ho eo intsony. **8** Dia hitomany ny mpaka hazandrano, ary hisaona ny mpamintana rehetra ao Neily, Ary ho reraka ny mpandatsaka harato amin' ny rano. **9** Ho very fanantenana izay mandraotra rongony amin' ny fihogo sy izay manenona hariry. **10** Ny andrin' ny tany ho torotoro,

ary ny mpikarama rehetra halahelo. **11** Efa adala mihitsy ny mpanapaka any Zoana; Hevi-poana no avoak' izay hendry indrindra amin' ny mpanolotsain' i Farao; Ahoana no ilazanareo amin' i Farao hoe: Zanak' olon-kendry aho sady taranak' ireo mpanjaka fahagola? **12** Aiza ary ireo olon-kendrinao ireo? Aoka hanambara aminao izy, ary aoka ho fantany izay nokasain' i Jehovah, Tompon' ny maro, hatao amin' i Egypta. **13** Efa adala ny mpanapaka any Zoana, efa voafitaka ny mpanapaka any Memfisa; Ary efa nampivembena an' i Egypta ireo fehizoron' ny fireneny. **14** Jehovah efa nampidina fanahy mampandraingiraingy teo Egypta; ka efa nampivembena azy tamin' ny asany rehetra ireo, dia tahaka ny olona mamo miraingiraingy sady mandoa. **15** Samy tsy hahatontosa ny asany ny Egyptiana, na ny loha na ny rambo, na ny sampan-drofia na ny zozoro. **16** Amin' izany andro izany dia ho tahaka ny vehivavy Egypta ka ho toran-kovitra sy ho raiki-tahotra noho ny faninjitr' i Jehovah, Tompon' ny maro, ny tànany, izay ahinjiny hamelezany azy. **17** Ary ny tanin' ny Joda dia ho fahatahoran' i Egypta, ka na oviana na oviana no misy miresaka izany aminy dia ho raiki-tahotra izy noho ny fikasan' i Jehovah, Tompon' ny maro, izay kasainy ny amin' ny hamelezana azy. **18** Amin' izany andro izany dia hisy tanana dimy amin' ny tany Egypta samy hiteny ny fitenin' i Kanana sy hianiana ho an' i Jehovah, Tompon' ny maro; Ny anankiray hatao hoe Ira-haresa. **19** Amin' izany andro izany dia hisy alitara ho an' i Jehovah eo amin' ny tany Egypta sy tsangam-bato eo an-tsisiny ho an' i Jehovah. **20** Ary ho famantarana sy vavolombelona ho an' i Jehovah, Tompon' ny maro, ao amin' ny tany Egypta izany; Fa hitaraina amin' i Jehovah noho ny mpampahory izy, ary haniraka mpamonjy sy mpiaro ho ao aminy Izy ka hamonjy azy. **21** Ary Jehovah hanao izay hahafantaran' ny Egyptiana Azy, ary ny Egyptiana kosa hahalala an' i Jehovah amin' izany andro izany; Dia hanompo Azy amin' ny fanatitra alatsa-drà sy amin' ny fanatitra hohanina izy ka hivoady amin' i Jehovah sady hanefa ny voadiny. **22** Ary Jehovah hamely ny Egyptiana, eny, fa sady hamely Izy no hanasitrana; Dia hiverina ho any amin' i Jehovah ireo, ka hekeny ny fangatahany, ary hositraniny izy. **23** Amin' izany andro izany dia hisy lalambe avy any Egypta mankany Asyria, koa ny Asyriana dia hankany Egypta, ary ny Egyptiana kosa hankany Asyria, ary ny Egyptiana sy ny Asyriana hiara-mivavaka. **24** Amin' izany andro izany ny Isiraely no ho fahatelony amin' i Egypta sy Asyria ho fitahiana eo amin' ny tany; **25** Fa hotahin' i Jehovah, Tompon' ny maro, ireo ka hataony hoe: Hotahina anie Egypta oloko, sy Asyria, asan' ny tanako, ary Isiraely lovako.

20 Tamin' ny taona nankanesan' i Tartana tany Asdoda, raha nirahin' i Sargona, mpanjakan' i Asyria, izy ka namely an' i Asdoda ary nahafaka azy, **2** tamin' izany andro izany no nampitondran' i Jehovah teny an' Isaia, zanak' i Amoza, hoe: Andeha, borahy ny lamba fisaonana ho afaka amin' ny valahanao, ary esory ny kiraronao hiala amin' ny tongotrao. Dia nanao izany izy ka nandeha tsy nitafy sady tsy nikiraro. **3** Ary hoy Jehovah: Tahaka ny nandehanan' Isaia mpanompoko telo taona sady tsy nitafy no tsy nikiraro mba ho famantarana sy ho fahagagana ny amin' i Egypta sy Etiopia, **4** dia ho toy izany no hitondran' ny mpanjakan' i Asyria ny Egyptiana ho babo sy ny Etiopiana ho sambotra, na tanora na antitra, samy tsy hitafy sady tsy hikiraro no tsy hisarom-pe, ho henatr' i Egypta. **5** Ary ho raiki-tahotra sy ho menatra ny Isiraely noho ny amin' i Etiopia fanantenany sy Egypta reharehany. **6** Ary amin' izany andro izany ny mponina etỳ amoron-dranomasina dia hanao hoe: He! ity manjo ilay nantenaintsika sady nandosirantsika ho famonjena antsika ho afaka amin' ny mpanjakan' i Asyria! Aiza intsony re no handosirantsika?

21 Faminaniana ny amin' ny loza hanjo ny Efitra Ranobe. Tahaka ny firimorimon' ny tadio any atsimo no fihaviny avy any an-efitra, dia avy any amin' ny tany mahatahotra. **2** Misy fahitana mampahory naseho tamiko: Ny mpamitaka mamitaka, ary ny mpandringana mandringana. Iakaro, ry Elama ô! ekeo, ry Media ô! Hatsahatro ny fisentoana rehetra. **3** Ary raha nahita izany aho, dia feno fanaintainana ny valahako; Fijalijaliana no nahazo ahy tahaka ny fijalijalian' ny vehivavy raha miteraka; Niolanolana fatratra aho ka tsy nandre izany; Toran-kovitra aho ka tsy nahita izany. **4** Niemponempona ny foko, nampahatahotra ahy ny horohoro; Ny hariva fahafinaretako nampodiny ho fangovitako. **5** Velarina ny latabatra, miambina ny mpiambina, mihinana sy misotro ny olona mitsangàna, ianareo lehibe, ka hosory ny ampinga! **6** Fa izao no nolazain' i Jehovah tamiko: Mandehana, manendre tily; Ka izay hitany no aoka holazainy. **7** Dia nahita izy ka indreo mpitaingina manao andiany mandeha tsiroaroa sy boriky andiany ary rameva andiany. Ary nihaino izy, eny, nihaino dia nihaino; **8** Dia niantso nanao feon-diona izy ka nanao hoe: Tompo ô! izaho mijanona mandrakariva eto ambonin' ny fitazanako nony antoandro, Ary mitoetra eto amin' ny fiambenako aho mandritra ny alina; **9** Koa, indreo, avy ny olona andiany, mpitaingina mandeha tsiroaroa; Ary nanandratra ny feony izy ka nanao hoe: Rava, rava Babylona! Ary ny sarin' ny andriamaniny rehetra dia voatorotoro miraraka amin' ny tany. **10** Ry ahy voavely toy ny vary teo am-pamoloako ô! Izay efa reko tamin' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, no nambarako taminareo. **11** Faminaniana ny amin' ny loza hanjo an' i Edoma. Misy miantso ahy any Seïra manao hoe: Ry mpiambina ô, toy inona alina moa izao? Ry mpiambina ô, toy inona alina moa izao? **12** Dia hoy ny mpiambina: Avy ny maraina, avy koa ny alina; Raha mbola ta-hanontany ianareo, dia manontania ihany; ka avia, miverena. **13** Faminaniana ny amin' ny loza hanjo an' i Arabia. Any an' ala any Arabia no andrianareo, ry andian' ny Dedanita. **14** Itondrana rano ny mangetaheta; Ny mponina amin' ny tany Tema mitsena hanina ny mandositra; **15** Fa mandositra ny sabatra ireo, dia ny sabatra voatsoaka sy ny tsipìka voahenjana ary ny havesatry ny ady. **16** Fa izao no nolazain' i Jehovah tamiko: Ato anatin' ny herintaona, tahaka ny taonan' ny mpikarama, dia ho levona avokoa ny voninahitr' i Kedara; **17** Ary ny tsipìka sisa izay; an' ny lehilahy mahery, taranak' i Kedara,

dia ho vitsy foana, fa Jehovah Andriamanitry ny Isiraely, ao efa niteny.

22 Faminaniana ny amin' ny lohasahan' ny Fahitana. Inona re izato manjo anareo, no dia miakatra eny antampon-trano avokoa ianareo, **2** Ry ilay be horakoraka, tanàna be tabataba, vohitra miravoravo? Ny faty eo aminao dia tsy mba novonoin-tsabatra, na maty an' ady. **3** Niaranandositra ny lehibenao, nafatotra tsy amin-tsipìka izy; Izay rehetra hita tao aminao dia niara-nafatotra, na dia nitady handositra lavitra aza. **4** Koa izany no anaovako hoe: Mihodìna tsy hijery ahy, fa hitomany mafy dia mafy aho; Aza dia fatra-pampionona ahy noho ny fandringanana ny oloko zanakavavy **5** Fa ao amin' ny lohasahan' ny fahitana dia misy andron' i Jehovah, Tompon' ny maro, andro fitabatabana sy fanosihosena sy fahaverezan-kevitra, ary fandravana ny manda sy fidradradradrana manako hatrany an-tendrombohitra **6** Ary Elama mitondra ny tranon-jana-tsipìka mbamin' ny kalesy misy olona sy ny mpitaingin-tsoavaly; Ary Kira manaisotra ny fonon' ampinga **7** Izay tsara indrindra amin' ny lohasahanao dia feno kalesy, ary ny mpitaingin-tsoavaly milahatra eo am-bavahady **8** Dia alana ny fisalobonan' i Joda, ary mijery ny fiadiana ao an-Tranoala ianao amin' izany andro izany. **9** Ary hilanareo fa banga be ihany ny tanànan' i Davida; Ary mamory ny rano avy amin' ny kamory ambany ianareo. **10** Isainareo ny trano any Jerosalema, ka dia ravanareo ny trano ho enti-manamafy ny manda. **11** Mihady lavaka famoriandrano eo anelanelan' ny manda roa ianareo halenan ny rano avy amin' ny kamory ela; Kanefa tsy mijery Izay efa nanomana izao zavatra izao ianareo, na mahita Izay nikasa azy hatry ny fony ela. **12** Ary amin' izany andro izany Jehovah, Tompon' ny maro, Hiantso fitomaniana sy fioriana sy fiharatana ary fisikinana lamba fisaonana. **13** Kanjo he izato hafaliana sy halavoravoana! Sy famonoana omby sy ondry aman' osy ary fihinanan-kena sy fisotroan-divay! Aoka isika hihinana sy hisotro, fa rahampitso dia ho faty. **14** Dia nambaran' i Jehovah, Tompon' ny maro, teo antsofiko izao: Tsy havela mihitsy ambara-pahafatinareo izao helokareo izao, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **15** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Andeha mankao amin' ilay mpanolo-tsaina io, dia ao amin' i Sebna, lehiben' ny ao an-dapa, ka ataovy hoe: **16** Manao inona etỳ ianao, ary inonao moa no etỳ, No manao fasana etỳ ianao, dia manao fasana ho anao etỳ amin' ny hantsana sy mandoaka fonenana ho anao etỳ amin' ny harambato? **17** Indro, Jehovah hanipy mafy anao, eny, hofiazany mafy ianao, **18** Dia hovolavolainy toy ny kodiarana ka hahodiadiany ho any amin' ny tany malalaka; Dia any no hahafaty anao, ary ho any koa ny kalesin' ny voninahitrao ry ilay henatry ny mpianakavin' ny tomponao. **19** Ary horoahiko hiala amin' ny fitoeranao ianao sy haongako hiala amin' ny raharahanao **20** Ary amin' izany andro izany dia hantsoiko kosa Eliakima mpanompoko, zanak' i Hilkia; **21** Ary hampiakanjoiko azy ny akanjonao, sady hosikinako amin' ny fehin-kibonao izy; Ka dia hatolotro eo an-tànany ny fanapahanao, ary dia ho tonga rain' ny mponina eto Jerosalema sy ny taranak' i Joda izy. **22** Ary hapetrako eo an-tsorony ny fanala hidin' ny tranon' i Davida; Dia hamoha izy, ka tsy hisy handrindrina; Ary handrindrina izy, ka tsy hisy hamoha. **23** Ary hatsatoko toy ny fihantonan-javatra eo amin' ny fitoerana mafy izy ka ho sezam-boninahitra ho an' ny mpianakavin-drainy. **24** Ary hahantona eo aminy ny havesatry ny voninahitry ny mpianakavin-drainy rehetra, izay zanaka sy tera-drainy rehetra, dia ny fanaka madinita rehetra hatramin' ny lovia ka hatramin' ny siny samy hafa rehetra. **25** Amin' izany andro izany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, Dia hiala ilay fihantonan-javatra voatsatoka teo amin' ny fitoerana mafy; Eny, hokapaina izy ka hianjera, dia ho simba ny entana izay nihantona teo aminy; Fa Jehovah no efa niteny.

23 Faminaniana ny amin' ny loza hanjo an' i Tyro. Midradradradrà ianareo, ry sambon' i Tarsisy ô! Fa rava Tyro, ka tsy misy trano sady tsy azo idirana intsony ao; Avy tany amin' ny tany Kitima no nanambarana izany taminy. **2** Mangìna, ianareo mponina amoron-tsiraka! Ny mpandranto avy any Sidona, Izay mandeha eny ambonin' ny ranomasina, no efa nampanan-karena anao. **3** Teny amin' ny rano be ny varin' i Sihora, dia ny vokatr' i Neily, ka nampiditra harena ho azy; Ary tonga tsenan' ny firenena izy. **4** Aoka ho menatra ianao, ry Sidona; Fa ny ranomasina, dia ny fiarovana mafy ao an-dranomasina, efa niteny hoe: Tsy mbola nihetsi-jaza aho, na niteraka, tsy mbola nitaiza zatovo aho, na namelona virijina. **5** Rehefa re tany Egypta izany, Dia toran-kovitra izy noho ny nanjo an' i Tyro. **6** Mità ho any Tarsisy ianareo; Midradradradrà, ry mponina amoron-tsiraka. **7** Izao va no manjo anao, ry ilay niravoravo, izay efa naorina hatry ny fony fahagola sady nentin' ny tongony hivahiny any lavitra any? **8** Iza no nikasa izany hamelezana an' i Tyro, mpanome satro-boninahitra, izany? Mpanapaka ny mpandrantony, Olo-malaza amin' ny tany ny mpivarony. **9** Jehovah, Tompon' ny maro, no nikasa izany, mba hampietreny ny fiavonavonan' ny voninahitra rehetra, sy hanalany ny voninahitry ny olo-malaza rehetra amin' ny tany. **10** Ry Tarsisy zanakavavy, aoka ianao hanafotra ny taninao tahaka an' i Neily; Fa tsy misy fifehezana intsony. **11** Ny tànan' i Jehovah nahifiny tambonin' ny ranomasina; Nampihorohoroiny ny fanjakana; Jehovah efa nandidy ny amin' i Kanana, mba horavana ny fiarovany mafy. **12** Ary hoy Izy: Tsy hiravoravo intsony ianao, ry virijina afa-baraka, Sidona zanakavavy; Miaingà, mità ho any Kitima; Kanefa na dia any aza tsy hahita fitsaharana tsy akory ianao. **13** Indro ny tanin' ny Kaldeana! Tsy firenena intsony izy, fa nataon' ny Asyriana fonenan' ny bibi-dia any an-efitra; Manao tilikambo fitiliana izy ka mandrava ny lapan' ny mpanjaka ao ary mampody azy ho korontam-bato. **14** Midradradradrà ianareo, ry sambon' i Tarsisy ô! Fa rava ny fiarovanareo mafy. **15** Ary amin' izany andro izany dia hohadinoina fito-polo taona Tyro, toy ny andron' ny mpanjaka iray; Ary rehefa afaka fito-polo taona, Tyro dia hiharan' ilay tonon-kalon' ny janga manao hoe: **16** "Makà lokanga, ka miveziveze eran' ny tanàna ianao, ry kala janga hadino; Mitendre tsara, ka mahereza mivazovazo, mba hahatsiarovana anao." **17** Ary rehefa afaka fito-polo taona, Jehovah hamangy an' i Tyro,

ka dia hiverina amin' ny filan-tangy izy sy hijangajanga amin' ny fanjakana rehetra manerana izao tontolo izao. **18** Ary ny varony sy ny tangy azony dia hohamasinina ho an' i Jehovah; Tsy hotehirizina na horaketina izany; Fa ny varony dia ho an' izay mitoetra eo anatrehan' i Jehovah, ho hanina mahavoky sy ho fitafiana mendrika.

24 Indro, Jehovah mahafoana ny tany ka mahalao azy ary mampihohoka azy ka manely izay mponina ao aminy. **2** Koa ho sahala ihany ny hanjo ny mpisorona sy ny vahoaka, ny tompolahy sy ny mpanompolahiny, ny tompovavy sy ny mpanompovaviny, ny mpivarotra sy ny mpividy, ny mpampisambotra sy ny mpisambotra, ny mpampanàna vola sy ny mpanana vola. **3** Hatao foana dia foana ny tany, ary hobaboina dia hobaboina tokoa izy, fa Jehovah no efa niteny. **4** Misaona sy malazo ny tany; Milofika sy malazo izao tontolo izao; Milofika ny lehibe indrindra amin' ny olona etỳ an-tany. **5** Ary ny tany dia efa voavetavetan' ny mponina ao aminy, satria nandika ny lalàna sy nanota ny didy izy ary nivadika ny fanekena mandrakizay. **6** Ary noho izany dia ozona no mandevona ny tany, ary ny mponina ao dia valiana noho ny helony, sady voadotra ny mponina amin' ny tany ka dia olona vitsy foana no sisa ao. **7** Misaona ny ranomboaloboka, milofika ny taro-boaloboka, misento avokoa ilay nifaly am-po; **8** Mitsahatra ny firavoravoana amin' ny ampongatapaka, tapitra ny fitabataban' ny niravoravo; Mitsahatra ny fifaliana amin-dokanga; **9** Tsy mihira eo ampisotroan-divay intsony izy, mangidy amin' izay misotro azy ny toaka; **10** Rava ny tanana be fikorontanana, mirindrina ny trano rehetra ka tsy azo idiran' olona; **11** Misy fitarainana divay eny an-tsaha, tafalentika toy ny masoandro ny fifaliana rehetra; Voaroaka ny faharavoravoan' ny tany. **12** Fahafoanana ihany no sisa ao an-tanàna, satria rava sady montsamontsana ny vavahady, **13** Fa ao amin' ny tany, ao amin' ny olona, dia hisy toy ny amin' ny fikapohana hazo oliva sy ny fitsimpontsimponam-boaloboka, rehefa tapitra ny andro fiotazana azy. **14** Ireo dia hanandratra ny feony ka hihoby; Noho ny fahalehibiazan' i Jehovah dia hiantso mafy eny amin' ny ranomasina izy hoe: **15** Mankalazà an' i Jehovah any amin' ny tany atsinanana, dia ny anaran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, any amin' ny amoron-dranomasina. **16** Hatrany am-paran' ny tany no nandrenesanay hira hoe: Voninahitra ho an' ny marina. Fa hoy izaho: Indrisy izato halevonako! Indrisy ity halevonako! Ny mpamitaka dia mamitaka; Eny, ny mpamitaka dia mamitaka fatratra. **17** Tahotra sy longoa ary fandrika no mahazo anao, ry mponina amin' ny tany. **18** Ary izay mandositra noho ny fandrenesana ny tahotra dia ho latsaka any an-davaka; Ary izay miakatra avy ao anatin' ny lavaka dia ho voan' ny fandrika; Fa misy varavarana mivoha any amin' ny avo, ary mihorohoro ny fanorenan' ny tany. **19** Rava dia rava ny tany; Mitresaka dia mitresaka ny tany; Mihorohoro dia mihorohoro ny tany; **20** Mivembena dia mivenbena tahaka ny mamo ny tany ka mitsingevaheva toy ny fandriana mihantona; ary mitambesatra aminy ny fahadisoany, dia potraka izy ka tsy ho tafarina intsony. **21** Ary amin' izany andro izany dia any an-danitra no hamalian' i Jehovah ny antokon' ny lanitra, ary etỳ antany kosa ny mpanjakan' ny tany. **22** Dia hangonina ao an-davaka tahaka ny mpifatotra ireny ka hohidiana ao antrano-maizina, ary rehefa afaka andro maro, dia hovangiana ihany izy. **23** Dia hivoara-mena ny volana, ary hivaloarika ny masoandro, fa Jehovah, Tompon' ny maro, no Mpanjaka ao an-tendrombohitra Ziona sy any Jerosalema, ary eo anatrehan' ny loholony dia misy voninahitra.

25 Jehovah ô, Andriamanitro Hianao; Hanandratra Anao sy hidera ny anaranao aho, fa efa nanao zavamahagaga Hianao, dia zavatra efa voakasa hatramin' ny ela sady mahatoky no marina indrindra. **2** Fa efa nataonao tonga korontam-bato ny tanàna; Ny tanàna mimanda dia rava tokoa; Ny lapan' ny fahavalo dia nataonao tsy vanonko tanàna; Tsy hatsangana intsony mandrakizay iny; **3** Ka dia hankalaza Anao ny firenena masiaka, Hatahotra Anao ny tanànan' ny firenena lozabe. **4** Fa fiarovana mafy ho an' ny reraka Hianao, eny, fiarovana mafy ho an' ny malahelo amin' ny fahoriany, fierena amin' ny ranonoram-baratra, fialokalofana amin' ny hainandro, fa ny rivotry ny mahery dia tahaka ny ranonorana mifafy mamely ny ampiantany. **5** Tahaka ny fandresinao ny hainandro izay mamely ny tany karankaina no andresenao ny fitabataban' ny firenena hafa; Eny, tahaka ny amin' ny hainandro resin' ny aloky ny rahona matevina no andresena ny fanakoran' ny olon-dozabe. **6** Ary Jehovah, Tompon' ny maro, dia hanao fanasana ho an' ny firenena rehetra eto amin' ity tendrombohitra ity, dia fanasana amin' ny zavatra matavy, fanasana amin' ny divay efa niotrika ela, zavatra matavy be tsoka, divay efa niotrika ela sady voadio tsara. **7** Ary hofoanany eto amin' ity tendrombohitra ity, ny sarona izay manarona ny olona rehetra sy ny rakotra izay arakotra ny firenena rehetra. **8** Hofoanany tsy hisy mandrakizay ny fahafatesana; Ary Jehovah Tompo hamafa ny ranomaso amin' ny tava rehetra sady hanafa-tondromaso ny olony eny amin' ny tany rehetra, fa Jehovah no efa niteny. **9** Ary holazaina amin' izany andro izany hoe: Indro Andriamanitsika, izay nandrasantsika hamonjy antsika; Indro Jehovah, Izay nandrasan-tsika, koa dia aoka ho faly sy ho ravoravo amin' ny famonjeny isika. **10** Fa hipetraka amin' ity tendrombohitra ity ny tànan' i Jehovah, ary Moaba hohosihosena ao amin' izay itoerany, dia tahaka ny fanosihosena ny mololo miavosa amin' ny rano ao am-pahitra; **11** Ary ireo dia hamelatra ny tanany eo ampovoan' izany, tahaka ny famelatry ny mpilomano ny tanany raha milomano; Fa Jehovah kosa hampietry ny fiavonavonany, na dia kanto aza ny fahamailamailaky ny tànany. **12** Ary ny mandanao mafy sy avo dia harodany ka haetriny sy hofongorany hatramin' ny tany, dia hatramin' ny vovoka.

26 Amin' izany andro izany dia hohiraina eto amin' ny tanin' ny Joda izao fihirana izao: Manana tanàna mafy isika; Famonjena no hotendren' i Jehovah ho manda sy fiarovana. **2** Vohay ny vavahady, mba hidiran' ny firenena marina, izay mitana ny fahamarinana. **3** Ny saina tsy miovaova dia harovanao ao amin' ny fiadanana

tanteraka, satria matoky Anao izy. **4** Matokia an' i Jehovah mandrakizay, fa Jehovah Tompo no Vatolampy mandrakizay. **5** Fa naetriny ny mponina avo toerana; Ny tanàna avo dia arodany, eny, arodany ho amin' ny tany ka: azerany ho amin' ny vovoka. **6** Hitsahin' ny tongotra izy, dia ny tongotry ny ory sy ny faladian' ny mahantra. **7** Voaravona ny lalan' ny marina: Eny, aravonao ho marina indrindra ny alehan' ny marina. **8** Koa amin' ny lalan' ny fitsaranao, Jehovah ô, no iandrasanay Anao, ny anaranao sy ny fahatsiarovana Anao no irin' ny fanahinay. **9** Amin' ny fanahiko no aniriako Anao nony alina; Eny, ny saiko ato anatiko no itadiavako Anao fatratra; Fa raha mamely ny tany ny fitsaranao, dia mianatra fahamarinana ny mponina amin' izao tontolo izao. **10** Na dia asiana soa aza ny ratsy fanahy, tsy mety mianatra fahamarinana izy; Eny, na dia ao amin' ny tanin' ny fahamarinana aza izy, mbola manao meloka ihany ka tsy mety mijery ny fahalehibiazan' i Jehovah. **11** Jehovah ô, avo ny tananao, nefa tsy jeren' ireo; Tsy maintsy hojereny ihany anefa ny fahasaro-piaronao amin' ny olonao, ka ho menatra izy; Eny, afo no handevona ny fahavalonao. **12** Jehovah ô, manorina fiadanana ho anay Hianao: Fa ny asanay rehetra dia tanterahinao ho anay. **13** Jehovah Andriamanitray ô, tsy Hianao ihany no efa nampanompo anay, fa tompo hafa koa; Nefa Hianao irery ihany no ahazoanay mankalaza ny anaranao. **14** Ny maty tsy ho velona intsony, ny matoatoa tsy mba hitsangana; Fa novalianao izy ka naringanao, sady nolevoninao avokoa ny fahatsiarovana azy. **15** Nampitombo ny firenena Hianao, Jehovah ô, Eny, nampitombo ny firenena Hianao ka nahazo voninahitra ho Anao; Nitarinao halalaka avokoa ny faritry ny tany. **16** Jehovah ô, nony azom-pahoriana izy, dia nitady Anao; Nony niharan' ny famaizanao izy, dia nanao vavaka anakampo. **17** Tahaka izay bevohoka efa madiva hiteraka ka miolanolana sy mitaraina noho ny fahamariany, dia tahaka izany izahay teo imasonao, Jehovah ô, **18** Efa bevohoka izahay, efa nihetsi-jaza izahay, Efa tahaka ny nitera-drivotra izahay; Tsy nahavita famonjena ho an' ny tany izahay, ka tsy niteraka ny mponina amin' izao tontolo izao. **19** Ho velona indray ny olonao izay efa maty, ny fatin' ny oloko hitsangana; Koa mifohaza sy mihobia, ianareo izay mandry ao amin' ny vovoka; Fa ny andonao dia tahaka ny andon' ny fahazavana, ary ny tany hiteraka ny maty. **20** Mandehana, ry oloko, midìra ao amin' ny efi-tranonao, ary mirindrina varavarana ianao, ka miere kely indray mipi-maso monja Mandra-pahalasan' ny fahatezerana. **21** Fa, indro, Jehovah mivoaka avy amin' ny fitoerany hamaly ny mponina amin' ny tany noho ny helony; Ary ny tany hampiseho ny rà izay nofohiny ka tsy hanafina intsony izay novonoina teo aminy.

27 Amin' izany andro izany ny sabatr' i Jehovah, izay mafy sady lehibe no mahery, no ho entiny mamaly ny leviatana, dia ilay menarana mandositra, sy ny leviatana, dia ilay menarana miforoporotra, Ary hovonoiny ilay dragona ao an-dranomasina. **2** Amin' izany andro izany no hihiranareo ny amin' ny tanim-boaloboka ahazoana divay mahery hoe: **3** Izaho Jehovah no mpiaro io; Isaky ny indray mipi-maso no andemako azy, Fandrao misy manimba azy; Na andro na alina dia miaro azy aho. **4** Tsy misy fahatezerana ato amiko; Enga anie ka hisy hery sy tsilo eto anatrehako hiadiako. Dia hiroatako ireo ka hodorako avokoa! **5** Fa raha tsy izany, dia aoka hifikitra amin' ny heriko kosa izy ka hihavana amiko; Eny, aoka hihavana amiko izy. **6** Amin' ny andro ho avy dia hamaka tsara Jakoba; Ary Isiraely hamony sy hitsimoka ka hameno izao tontolo izao amin' ny fahavokarany. **7** Moa tahaka ny namelezana izay namely azy va no moa namelezany azy koa? Ary tahaka ny namonoana izay novonoiny va no mba namonoana azy koa? **8** Tamin' ny nandroahany azy dia voafetra no niadiany taminy; Nokororohiny tamin' ny rivony mahery izy tamin' ny andron' ny rivotra avy any atsinanana. **9** Ka izao no hamelana ny helok' i Jakoba, Ary izao ihany no vokatry ny nanesorana ny fahotany, dia amin' ny anaovany ny vato rehetra amin' ny alitara ho tahaka ny vato sokay voatorotoro, ary ny Aseraha sy ny tsangan-kazo ho an' ny masoandro dia tsy hitsangana intsony. **10** Fa ho foana ny tanàna mimanda, ka dia ho fonenana afoy sy ilaozana tahaka ny efitra: Ao no hihinanan' ny zanak' omby, ary ao no handriany sy handaniany ny rantsan-kazony. **11** Raha malazo ny rantsany, dia hotapatapahina, ka ho avy ny vehivavy hitaina azy, satria firenena tsy manam-pahalalana izy, dia tsy hiantra azy ny Mpanao azy, ary tsy hamindra fo aminy ny Mpamorona azy. **12** Ary amin' izany andro izany dia hisy fampihintsanana ataon' i Jehovah hatramin' ny ony mandriaka ka hatramin' ny lohasahan-driak' i Egypta; Ary ianareo samy hotsimponina tsirairay, ry Zanak' Isiraely. **13** Ary amin' izany andro izany koa no hitsofana anjomara lehibe, dia ho avy izay very tany amin' ny tany Asyria sy izay efa voaroaka tany amin' ny tany Egypta, ka hiankohoka eo anatrehan' i Jehovah ao amin' ny tendrombohitra masìna any Jerosalema.

28 Lozan' ny satro-boninahitra, izay reharehan' ny mpimamo any Efraima, sy ny voninkazo mihamalazo amin' ny firàvany tsara tarehy, izay eo an-dohan' ny lohasaha lonaky ny fileon-divay. **2** Indro, ny Tompo manana izay mahery sady matanjaka, tahaka ny rivo-kavandra sy ny tafio-drivotra mandoza; Koa tahaka ny fandriaky ny rano be manafotra no hanjerany azy mafy ho amin' ny tany. **3** Dia hohitsahin' ny tongotra ny satro-boninahitra, Izay reharehan' ny mpimamo any Efraima. **4** Ary ny voninkazo mihamalazo amin' ny firàvany tsara tarehy, izay eo an-dohan' ny lohasaha lonaka, dia ho tahaka ny voan' aviavy mialin-taona, raha tsy mbola tonga ny fahavaratra, koa izay mahita azy dia mijery, ary raha vao raisiny, dia arapany. **5** Ary amin' izany andro izany Jehovah, Tompon' ny maro, dia ho satro-boninahitra tsara tarehy sy ho fehiloha firavaka ho an' ny olony sisa, **6** Ary ho fanahy fitsarana ho an' izay mipetraka eo amin' ny fitsarana, sy ho hery ho an' izay mampiverina ny ady hatreo am-bavahady. **7** Nefa ireo koa dia miraingiraingy azon' ny divay ary mivembena azon' ny toaka; Ny mpisorona sy ny mpaminany miraingiraingy azon' ny toaka; Resin' ny divay ireo; Mivembena azon' ny toaka izy; Miraingiraingy amin' ny fahitana izy ary midoladola eo amin' ny fitsarana. **8** Fa feno loa sy loto ny

latabatra rehetra, ka efa tsy misy madio hitoerana. **9** Iza no hampianariny fahalalana? Ary iza no hampahafantariny fianarana? Zaza vao notazana va? Ny vao nitsaha-nono va? **10** Fa didy anampy didy, didy anampy didy; Fitsipika anampy fitsipika, fitsipika anampy fitsipika; Kely etỳ, ary kely erỳ; **11** Eny, amin' ny molotra miambakambaka sy amin' ny fiteny baiko no hitenenany amin' ity firenena ity, **12** Izay nilazany hoe: Ity no fitsaharana, ampitsaharo ny reraka, ary ity no famelombelomana; Nefa tsy nety nihaino ireo. **13** Ary ny tenin' i Jehovah dia ho tonga didy anampy didy aminy tokoa, eny, didy anampy didy, fitsipika anampy fitsipika, fitsipika anampy fitsipika; Kely etỳ, ary kely erỳ, mba hanaovany dia mianotra, ka ho torotoro izy sy hofandrihana ary hosamborina. **14** Koa mihainoa ny tenin' i Jehovah ianareo, ry mpaniratsira, izay manapaka ity firenena eto Jerosalema ity. **15** Satria ianareo manao hoe: Efa nanao fanekena tamin' ny fahafatesana izahay ary efa nanao fifanarahana tamin' ny fiainan-tsi-hita ka na dia ho avy aza ny loza manafotra, dia tsy hihatra aminy izany, fa ny lainga no nataonay ho fiarovana, ary ny fitaka ho fierena, **(Sheol h7585)** **16** Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, Izaho no efa nametraka vato ao Ziona, dia vato voazaha toetra, vato tsara izay fehizoro voaorina ho fanorenana mafy, ka tsy mba ho taitra izay mino. **17** Ny fitsarana no hataoko ho fitsipika, ary ny fahamarinana ho pilao; Hopaohin' ny havandra ny lainga fiarovana, ary hindaosin' ny rano ny fierena. **18** Hofoanana ny fanekenareo amin' ny fahafatesana, ary tsy haharitra ny fifanarahanareo amin' ny fiainan-tsi-hita raha ho avy ny loza manafotra, dia ho tonga fanitsakitsany ianareo. **(Sheol h7585)** **19** Ary na oviana na oviana no ihaviany, dia hahatratra anareo izany; Fa isa-maraina isa-maraina no hihaviany, na andro na alina; Ary ny vokatry ny fahafantarana izany fianarana izany dia fangovitana ihany. **20** Fa fohy loatra ny farafara ka tsy azon' ny olona ilamparana; Ary kely ny firakotra ka tsy maharakotra, raha misy te-hirakotra azy. **21** Fa Jehovah hitsangana tahaka ny teo amin' ny tendrombohitra Perazima, ho tezitra tahaka ny teo amin' ny lohasahan' i Gibeona Izy, mba hanaovany ny asany tsy ilay fanaony mandrakariva anefa, ary hahavitany ny ataony tsy ilay vitainy mandrakariva anefa. **22** Koa dia aza maniratsira intsony ianareo, fandrao atao mafy ny famatorana anareo; Fa fahafonganana voatendry no efa reko tamin' i Jehovah, Tompon' ny maro, Hamelezana ny tany rehetra. **23** Mihainoa ianareo, ka mandrenesa ny feoko; Mitandrema, ka mandrenesa ny teniko. **24** Moa ny mpiasa tany va miasa mba hamafy, na mitombo-doha sy mandravona ny taniny mandrakariva? **25** Rehefa voaravony tsara ny tany, moa tsy afafiny amin' izay va ny voan' ny nigela, ary tsy apariakany va ny komina, ary tsy alahany mitandahatra tsara va ny vary tritika sy ny vary hordea amin' ny tany voafaritra ho azy Ary ny ampemby kosa eny an-tsisiny? **26** Fa Andriamaniny no manoro azy izay mety hataony, Eny, Izy no mampianatra azy. **27** Fa tsy ny kodia vy no ivelezana ny nigela, ary tsy ny kodian' ny sariety no akodiadia amin' ny komina; Fa ny nigela dia velezina amin' ny fantàka, ary ny komina amin' ny tehina. **28** Moa mongomongoiny va ny vary hatao mofo? Tsia, fa tsy veleziny na hampandehanany ny kodian' ny sarietiny sy ny soavaliny lalandava izy; Tsy mongomongoiny tsy akory izy. **29** Izany koa dia avy amin' i Jehovah, Tompon' ny maro; Fa mahagaga amin' ny fisainana Izy Ary mahatalanjona amin' ny fahendrena.

29 Lozan' i Ariela', lozan' i Ariela, Tanàna nitoeran i Davida! Ampio taona ny taona, aoka ho tafatsingeringerina ny andro firavoravoana; **2** Dia hampahory an' i Ariela Aho, ka hisy fisentoana sy fitarainana ao aminy; Ary ho tonga Ariela tokoa amiko izy. **3** Ary hanao fahiranao anao Aho, ka hasiako miaramila hanemitra anao, ary hananganako manda hamelezana anao. **4** Dia haetry ianao ka hiteny ao amin' ny tany, ary ao amin' ny vovoka no hibitsibitsihanao, eny, ny feonao hivoaka avy amin' ny tany tahaka ny an' ny manao azy ho tsindrian-javatra, ary avy ao amin' ny vovoka no ikiakiahan' ny teninao. **5** Kanefa ny fahavalonao betsaka ho tonga tahaka ny vovoka madinika, ary ny olon-dozabe maro ho tahaka ny akofa indaosina; Eny, ho avy tampoka dia tampoka izany. **6** Avy amin' i Jehovah, Tompon' ny maro, no hihavian' ny famaliana, dia kotrokorana sy horohoron-tany ary rohondrohona mafy, tadio sy tafio-drivotra ary lelafo mandevona. **7** Ary ho tahaka ny fahitana eo amin' ny nofy amin' ny alina Ireo firenena betsaka rehetra ireo, izay mivory hamely an' i Ariela, dia izay rehetra mivory hamely azy sy ny mandany ka hampahatahotra azy. **8** Ary ho tahaka ny olona noana manonofy, fa, indro, mihinana izy; kanjo nony mahatsiaro, dia noana ihany izy; Na ho tahaka ny olona mangetaheta manonofy, fa, indro, misotro izy; kanjo nony mahatsiaro, indro, ana ihany izy, ary ny fanahiny mbola maniry ihany: Dia ho tahaka izany ireo firenena betsaka rehetra ireo Izay mivory hamely ny tendrombohitra Ziona. **9** Mijanona ianareo, ka mitalanjona, Tampeno ny masonareo, koa aoka ho jamba ianareo! Mamo ireo, nefa tsy tamin' ny divay; Mivembena izy, nefa tsy tamin' ny toaka. **10** Fa Jehovah efa nampidina fanahy mahasondrian-tory ao aminareo, ary efa nakimpiny ny masonareo (dia ny mpaminany izany), ary efa nosaronany ny lohanareo (dia ny mpahita izany). **11** Ary ny fahitana ny amin' izany rehetra izany raha aminareo dia tahaka ny teny amin' ny taratasy voaisy tombo-kase, izay atolotra olona mahavaky teny ka atao hoe: Masìna ianao, vakio ity; Fa hoy izy: Tsy azoko vakina, fa efa voaisy tombo-kase izy; **12** Fa raha atolotra izay tsy mahavaky teny kosa izany ka atao hoe: Masìna ianao, vakio ity, dia hoy izy: Tsy mahavaky teny aho. **13** Ary hoy ny Tompo: Satria manatona Ahy amin' ny vavany ity firenena ity ary mankalaza Ahy amin' ny molony, nefa ampanalaviriny Ahy kosa ny fony, ka ny fahatahorany Ahy dia didin' olombelona ampianarina azy ihany, **14** Dia, indro koa, mbola hanao zava-mahagaga amin' ity firenena ity Aho, dia zava-mahagaga sy mahatalanjona; Ka ho foana ny fahendrena kendriny, ary tsy ho hita ny fahalalan' ny mazava sainany. **15** Lozan' izay manafina lalina ny saina ataony mba tsy ho hitan' i Jehovah, sady ao amin' ny maizina ny asany, ka dia hoy izy: Iza no mahita antsika, ary

iza no mahalala antsika? **16** Endrey izato fahadalanareo! Moa ny mpanefy tanimanga va no hoheverina ho tahaka ny tanimanga, ka ny natao va hilaza izay nanao azy hoe: Tsy nanao ahy izy? Na ny zavatra voaforona va hilaza izay namorona azy hoe: Tsy manam-pahalalana izy? **17** Tsy vetivety foana va dia hovana ho saha mahavokatra Libanona, Ary ny saha mahavokatra hoheverina ho ala? **18** Amin' izany andro izany dia ho ren' ny marenina ny tenin' ny taratasy, ary na dia ao amin' ny aizina sy ny aizim-pito aza dia hahita ihany ny mason' ny jamba. **19** Ny mpandefitra hitombo hafaliana amin' i Jehovah; Ary ny malahelo ao amin' ny olona hifaly amin' ny Iray Masin' ny Isiraely, **20** Fa lasa ny olon-dozabe, tsy ao intsony ny mpaniratsira; Ary fongotra izay rehetra miari-torin-tsaina amin' ny ratsy, **21** Dia ireo manameloka olona amin' ny teny ary mamandrika izay mananatra eo am-bavahady sy mamadika ny marina amin' ny lainga foana. **22** Koa ny amin' ny taranak' i Jakoba dia izao no lazain' i Jehovah, Izay nanavotra an' i Abrahama: Tsy ho menatra intsony Jakoba, ary tsy hivaloarika intsony ny tavany. **23** Fa raha ny zanany mahita ny asan' ny tanako ao aminy, Dia hanamasina ny anarako izy, eny, hanamasina ny Iray Masin' i Jakoba izy ary hangovitra eo anatrehan' Andriamanitry ny Isiraely. **24** Ary izay mivily fanahy dia mbola hahazo fahalalana; Ary izay mimonomonona dia mbola hianatra fahendrena.

30 Lozan' ny zaza maditra, izay maka saina, nefa tsy avy amiko, hoy Jehovah, ary manao fanekena, nefa tsy avy amin' ny Fanahiko, mba hanampy ota amin' ny ota, **2** Dia izay mandeha hidina any Egypta, nefa tsy nanadina tamin' ny vavako, handositra ho any amin' ny fiarovana mafin' i Farao sy hialokaloka ao amin' ny alokalok' i Egypta. **3** Kanjo ho tonga henatra ho azy ny fiarovana mafin' i Farao, ary ho fanalam-baraka azy ny fialokalofany ao amin' ny alokalok' i Egypta. **4** Fa tonga any Zoana ireo lehibeny, ary tonga any Hanesa ny irany. **5** Izy rehetra dia samy hahazo henatra noho ny amin' ny firenena tsy mahasoa azy, dia izay tsy mahavonjy na mahasoa, fa tonga henatra sy latsa kosa. **6** Faminaniana ny amin' ny behemota any amin' ny tany atsimo. Any amin' ny tany mampahory sy mahaporiporitra, izay ihavian' ny liom-bavy sy ny lion-dahy ary ny menarana sy ny menaran' afo manidina, no nitondrany ny hareny teny an-damosin' ny boriky tanora ary ny fananany teo amin' ny trafon' ny rameva ho any amin' ny firenena tsy mahasoa azy. **7** Nefa zava-poana sy tsinontsinona ny famonjen' ny Egyptiana; Koa izany no nanaovako azy hoe: Ilay be rehaka tsy mety manao na inona na inona! **8** Mandehana ankehitriny soraty amin' ny fàfana eo anatrehany izany, ary soraty amin' ny taratasy mba haharitra amin' ny andro any aoriana mandrakizay doria izany. **9** Fa firenena maditra izy, zaza mandainga, dia zaza izay tsy mety mihaino ny lalàn' i Jehovah, **10** Izay manao amin' ny mpahita hoe: Aza mahita, ary amin' ny mpaminany: Aza maminany zavatra marina aminay: Manaova vava malefaka aminay, maminania fitaka, **11** Mialà amin' ny lalana, mivilia amin' ny aleha; Atsaharo ny Iray Masin' ny Isiraely tsy ho eo anoloanay intsony. **12** Koa izao no lazain' ny Iray Masin' ny Isiraely: Satria mandà izany teny izany ianareo ary matoky ny fanaovana an-keriny sy ny fiolakolahana ka miankina amin' izany, **13** Dia ho aminareo ity heloka ity, tahaka izay mivava efa mila hianjera sy izay mibohitra amin' ny manda avo, ka ho tampoka dia tampoka no haharavany. **14** Ary hovakivakina izy tahaka ny fahavakivakin' ny vilanin' ny mpanefy tanimanga, raha montsamontsaniny ka tsy itondrany roa; Koa rehefa montsamontsana izy, dia tsy hisy vakiny ho azo atao fangalana afo ao am-patana, na ho azo atao fangalan-drano ao an-davaka famorian-drano aza. **15** Fa izao no lazain' ny Tompo, dia Jehovah, ny Iray Masin' ny Isiraely: Amin' ny fiverenana sy ny fitsaharana no hamonjena anareo, amin' ny fanginana sy ny fahatokiana no hisian' ny herinareo; Nefa tsy nety ianareo; **16** Fa hoy kosa ianareo: Tsia, fa handositra mitaingin-tsoavaly izahay; Koa noho izany dia handositra tokoa ianareo; Ary hoy ianareo: Hitaingina ny faingan-tongotra izahay; Ka dia ho faingan-tongotra koa ny manenjika anareo. **17** Ny arivo handositra, raha rahonan' ny anankiray, eny, handositra ianareo, raha rahonan' ny dimy, Mandra-pahatongan' ny sisa aminareo ho tahaka ny to-kazo avo any an-tampon' ny tendrombohitra sy tahaka ny faneva any amin' ny havoana. **18** Koa Jehovah dia mbola hiandry mandra-pamindrany fo aminareo, ary mbola hitoetra any amin' ny avo Izy mandra-piantrany anareo, fa Andriamanitry ny fahamarinana Jehovah; Sambatra izay rehetra miandry Azy. **19** Fa ianao, ry firenena mitoetra ao Ziona any Jerosalema, dia tsy hitomany intsony; Fa hamindra fo aminao tokoa Izy, raha reny ny fitarainanao; Eny, raha vao reny izany, dia hamaly anao Izy. **20** Ary homen' ny Tompo mofo fahoriana sy ny rano fahalahelovana ianao; Ary tsy hiery intsony ny mpampianatra anao; Ny masonao hahita ny mpampianatra anao; **21** Fa na mivily ho amin' ny ankavanana ianao, na mivily ho amin' ny ankavia, ny sofinao dia handre teny ao ivohonao manao hoe: Ity no lalana, ka andehano. **22** Ary holotoinao ny takela-bolafotsy voapetaka amin' ny sampinao voasokitra sy ny takela-bolamena voapetaka amin' ny sampinao an-idina, ka harianao tahaka ny lamba maloto izany; Mialà amiko! no teny hataonao aminy. **23** Ary dia hanome ranonorana ho an' ny voa nafafinao any an-tsaha Izy, sy mofo vokatry ny tany sady tsara no vokatra; Ary amin' izany andro izany ny ombinao dia hihinana eny amin' ny tany malalaka; **24** Ny omby sy ny boriky tanora, izay miasa ny tany, dia hihinana vilona voaisy sira, izay voatsikerakera amin' ny sahiratsy sy ny fikororohana. **25** Ary any amin' ny tendrombohitra avo rehetra sy ny havoana andrandraina rehetra dia hisy ony sy ranovelona amin' ny andro lehibe famonoana, dia amin' ny andro hianjeran' ny tilikambo. **26** Ary ny fahazavan' ny volana dia ho tahaka ny fahazavan' ny masoandro, ary ny fahazavan' ny masoandro dia ho avy fito heny, ka ho tahaka ny fahazavan' ny hafitoana, Amin' ny andro hamehezan' i Jehovah ny fahatorotoroan' ny olony sy hanasitranany ny fery tamin' ny namelezana azy. **27** Indro, avy any lavitra any ny anaran' i Jehovah, mirehitra amin' ny fahatezerany Izy Sady midonaka amin' ny setroka be; Ny molony dia feno fahatezerana, ary ny lelany dia tahaka ny afo mandevona;

28 Ary ny fofonainy tahaka ny riaka manafotra havozona, hanasivana ny firenena amin' ny sivana fandevonana, ary hisy lamboridy mampivily eo amin' ny valanoranon' ny olona. **29** Ary ny hira hataonao dia ho tahaka ny amin' ny alina fitandremana ny andro firavoravoana, ary ny hafalian' ny fo dia ho tahaka ny olona mandeha omban' ny feontsodina ho any an-tendrombohitr' i Jehovah, dia any amin' ny Vatolampin' ny Isiraely; **30** Ary Jehovah hanandratra ny feon' ny fiandrianany sy hampiseho ny fiantefan' ny sandriny amin' ny firehetan' ny fahatezerana sy ny lelafo mandevona sy ny ranonoram-baratra sy ny orana mifafy ary ny havandra vaventy. **31** Fa ny feon' i Jehovah dia haharaikitahotra ny Asyriana; Hasiany amin' ny tsorakazo ireo. **32** Ary na aiza na aiza no amelezan' ny tsorakazo voatendry, izay amelin' i Jehovah azy, dia harahina ampongatapaka sy lokanga izany; Ary amin' ny ady hamelezany mafy no hiadiany aminy. **33** Fa efa voavoatra fahataloha Tofeta; Eny, efa nataony vonona ho an' ny mpanjaka izany; Efa nataony lalina sady malalaka izy; Ny antontany dia misy afo sy kitay betsaka; Ary ny fofonain' i Jehovah, izay tahaka ny renirano solifara, no mampirehitra azy.

31 Lozan' izay midìna any Egypta hitady famonjena sy miantehitra amin' ny soavaly ary matoky ny kalesy, satria maro ireny, sy ny mpitaingin-tsoavaly, satria mahery dia mahery ireny, fa tsy manandrandra ny Iray Masin' ny Isiraely, na mitady an' i Jehovah. **2** Nefa Izy koa dia hendry ka mahatonga loza, ary tsy tsoahany ny teniny; Fa mitsangana Izy hamely ny mpianakavin' ny mpanao ratsy sy izay manampy ny mpanao meloka. **3** Fa olona ihany ny Egyptiana fa tsy Andriamanitra; Ary nofo ihany ny soavaliny, fa tsy fanahy. Koa raha ahinjitr' i Jehovah ny tànany, dia ho tafintohina izay manampy, ary ho potraka izay ampiana, ka samy ho levona avokoa izy roa tonta. **4** Fa izao no nolazain' i Jehovah tamiko: Tahaka ny fieron' ny liona sy ny liona tanora eo amin' ny rembiny, ka na dia voangona aza ny mpiandry ondry betsaka hamely azy, Tsy matahotra ny feon' ireo izy, na mandatsa-dremby noho ny fihorakorahany, dia tahaka izany no hidinan' i Jehovah, Tompon' ny maro, Hiady ao an-tendrombohitra Ziona sy ny havoany. **5** Tahaka ny vorona manomba no hiarovan' i Jehovah, tompon' ny maro, an' i Jerosalema, fa sady hiaro no hamonjy Izy, eny, sady hiantra no hanafaka. **6** Koa miverena ho amin' izay efa niodinanareo fatratra, ry zanak' Isiraely ô. **7** Fa amin' izany andro izany dia harian' ny olona rehetra ny andriamanibolafotsiny sy ny andriamani-bolamenany, izay fahotana nataon' ny tananareo. **8** Ary ny Asyriana ho lavon' ny sabatra izay tsy mba an' olombelona, eny, sabatra izay tsy mba an' olombelona no handringanana azy; Dia handositra ny sabatra izy, ary ny zatovony hampanaovina fanompoana, **9** Ary ny mpanjakany ho lasa noho ny fahatahorana, Ary mpanapaka azy hivadi-po noho ny faneva, hoy Jehovah, Izay manana ny afony ao Ziona sy ny fatany fandoroana ao Jerosalema.

32 Indro, fa araka ny fahamarinana no hanjakan' ny mpanjaka, ary ny lehibe hanaraka araka ny rariny. **2** Ary hisy lehilahy ho fierena amin' ny rivotra sy ho fialofana amin' ny ranonoram-baratra; Ho ranovelona ao amin' ny tany karankaina izy, ho alo-batolampy lehibe amin' ny tany mahana. **3** Ary tsy hikimpy ny mason' izay mahita, ary ny sofin' izay mandre dia hihaino. **4** Ny fon' izay maimaika hahazo fahalalana, ary ny lelan' izay mikodedidedy hahay miteny mahitsy. **5** Ny adala tsy holazaina intsony hoe mitoetr' andriana, ary ny mpifetsy tsy holazaina hoe mahafoy be. **6** Fa ny adala mbola miteny fahadalana ihany, ary ny fony mamoron-keloka, mba hanaovany fihatsaram-belatsihy sy hitenenany hevidiso ny amin' i Jehovah ary hanaovany izay tsy hahazoan' ny noana hanina sy izay tsy hahazoan' ny mangetaheta rano hosotroina. **7** Ary ratsy ny hafetsen' ny mpifetsy; Mamoron-tsain-dratsy izy hanimbany ny ory amin' ny teny lainga, na dia miteny manan-drariny aza ny malahelo; **8** Fa ny mitoetr' andriana kosa dia mamoron-tsaina araka izay mahamendrika andriana, ary izay mahamendrika andriana no ifikirany. **9** Mitsangàna, ry vehivavy miadana, ka mandrenesa ny feoko; Ry zazavavy matokitoky foana, mihainoa ny teniko. **10** Raha afaka herintaona mahery dia ho raiki-tahotra ianareo, ry vehivavy matokitoky foana; Fa hanjahitra ny taom-piotazam-boaloboka, ary tsy hisy ny fanangonam-boankazo **11** Mangovita, ry vehivavy miadana, mangorohoroa, ry vehivavy matokitoky foana; Endaho ny akanjonao, ka mitanjaha, ary misikìna lamba fisaonana. **12** Miteha-tratra izy, fa malahelo ny saha nahafinaritra sy ny voaloboka vokatra. **13** Ho rakotry ny tsilo sy ny hery ny tanin' ny oloko, eny, na dia ny ao amin' ny trano mahafaly rehetra ao an-tanàna ravoravo aza; **14** Fa ho foana ny lapan' ny mpanjaka; Hitsahatra ny fihorikoriky ny tanàna; Ofela sy ny tilikambo fitazanana ho tonga naman' ny zohy ho mandrakizay, dia fikarenjen' ny boriki-dia sy fiandrasana ny andian' ny ondry aman' osy, **15** Mandrapandatsaka ny fanahy avy amin' ny avo ho amintsika, ka ny efitra ho tonga saha mahavokatra, ary ny saha mahavokatra hoheverina ho ala. **16** Ary hitoetra any an-efitra ny rariny, Ary ny fahamarinana honina ao amin' ny saha mahavokatra. **17** Ny asan' ny fahamarinana ho fiadanana; Ary ny vokatry ny fahamarinana dia ho fiadanana sy fahatokiana mandrakizay; **18** Ary ny oloko hitoetra ao amin' ny fonenana mandry fahizay sy ao amin' ny fitoerana mahatoky ary ao amin' ny fialan-tsasatra feno fiadanampo; **19** Nefa hilatsaka ny havandra, rehefa aripaka ny ala, ary halamaka dia halamaka ny tanàna. **20** Sambatra izay mamafy eny amoron' ny rano rehetra sady mampiriaria ny omby sy ny boriky.

33 Lozanao, ry ilay mandroba, nefa tsy norobaina ianao! Ary mamitaka, nefa tsy nofitahina ianao! Rehefa mitsahatra ny mandrava ianao, dia vao horavana kosa; Ary rehefa mitsahatra ny mamitaka ianao, dia vao hofitahina kosa. **2** Jehovah ô, mamindrà fo aminay; Hianao no antenainay; Aoka ho sandrinay isa-maraina ianao sy ho famonjena anay amin' ny andro fahoriana. **3** Ny feon' ny fitabatabana no mampandositra ny firenena; Raha misandratra Hianao, dia mipariaka ny jentilisa. **4** Ary ireny handevona ny babonareo tahaka ny fandevon' ny valala,

tahaka ny fifanaretsaky ny kalalao no fifanaretsany eo aminy. **5** Manerinarina Jehovah, fa mitoetra any amin' ny avo Izy; Nofenoiny rariny sy fahamarinana Ziona. **6** Ary hisy andro tsy manam-piovana ho anao, eny, haren' ny famonjena sy ny fahendrena ary ny fahalalana; Ny fahatahorana an' i Jehovah no rakitrao. **7** Indreo, ny lehilahy maheriny mitaraina eny ivelany; Ny iraka nitady fihavanana dia mitomany mafy. **8** Maty ny lalambe; Tsy misy ny mpandeha; Nofoanany ny fanekena; Nalany baraka ny tanàna; Tsy nanaja olona izy. **9** Misaona ny tany ka milofika; Menatra Libanona ka malazo; Efa tonga tahaka ny tani-hay Sarôna, Ary manintsana Basana sy Karmela. **10** Ankehitriny dia hitsangana Aho, hoy Jehovah; Ankehitriny dia ho any amin' ny avo Aho; Ankehitriny dia hisandratra Aho. **11** Torontoronina bozaka ianareo ka miteraka vodivary; Ny fofonainareo dia tahaka ny afo handevona anareo. **12** Ary ny firenena ho tahaka ny fandoroan-tsokay, eny, ho tahaka ny tsilo notombohina izay mirehitra amin' ny afo izy. **13** Mihainoa ny amin' izay efa nataoko, ianareo izay lavitra, ary aoka hahafantatra ny heriko ianareo izay akaiky. **14** Raiki-tahotra ny mpanota ao Ziona; Horohoro no nahazo ny mpihatsaravela-tsihy. Iza amintsika no hahatoetra amin' ny afo mandevona? Iza amintsika moa no hahatoetra amin' ny lelafo mandrakizay? **15** Izay mandeha amin' ny fahamarinana sady miteny zava-mahitsy, izay tsy mety mandray harena amin' ny fanaovana an-keriny fa manifikifika ny tanany mba tsy handray kolikoly, izay manentsin-tadiny mba tsy handrenesany ny amin' ny fandatsahan-drà sady manakimpy ny masony mba tsy hahita ny ratsy; **16** Izy no honina ao amin' ny avo; Ny fitoerana avony dia ny fiarovana any amin' ny harambato; Izay hohaniny dia homena azy, ary ny rano hosotroiny tsy ho diso. **17** Ny masonao hahita ny mpanjaka amin' ny hatsaran-tarehiny sady hahatsinjo tany malalaka dia malalaka. **18** Hotsaroan' ny fonao ilay nahatahotra: Aiza ny mpanoratra? Aiza ny mpandanja? Aiza ny mpanisa ny tilikambo? **19** Ny firenena misetaseta dia tsy ho hitanao intsony, dia ilay olona miboediboedi-piteny ka tsy fantatra, na ny lela mikodedidedy ka tsy azo. **20** Tsiniovy Ziona, dia ilay tanàna fihaonantsika tamin' ny fotoam-pivavahana; Ny masonao hahita an' i Jerosalema ho fonenana mandry fahizay, dia lay izay tsy hafindra, ny tsimatra aminy tsy hongotana mandrakizay, ary tsy hisy hotapahina ny kofehiny. **21** Fa Jehovah dia mahery ho antsika any, tany be ony sy lahin-drano lehibe any, nefa sy halehan' ny sambo voizina, na hovakin' ny sambo lehibe. **22** Fa Jehovah no Mpitsara antsika; Jehovah no mpanome lalàna antsika; Jehovah no mpanjakantsika; Izy no hamonjy antsika. **23** Mivaha ny mahazakan-tsambonao; Tsy mahahazona mafy ny fiorenan' andry izy, na mahavelatra ny lay; Fa amin' izay kosa dia hozaraina ny zavatra be voababo; Na dia ny mandringa aza dia mba hahazo babo ihany. **24** Tsy hisy amin' ny mponina ao hilaza hoe: Marary aho; Ny olona izay mitoetra ao dia voavela heloka.

34 Manatona, ianareo jentilisa, mba handre; Ary mihainoa, ianareo firenena; Aoka handre ny tany sy ny ao aminy rehetra, Izao tontolo izao sy ny vokatra rehetra avy aminy. **2** Fa Jehovah dia tezitra amin' ny jentilisa rehetra, ary mirehitra amin' ny miaramilany rehetra ny fahatezerany; Efa nodidiany haringana ireo ary natolony hovonoina. **3** Ary izay voavono amin' ireo dia hariana, ka hamofona ny hamaimbon' ny fatiny, ary ny tendrombohitra hiempo azon' ny rànY. **4** Izay rehetra eny amin' ny lanitra dia ho levona, Ary ny lanitra hahorona tahaka ny fangorona taratasy; Ary ny eny aminy rehetra dia halazo tahaka ny fahalazon' ny ravina mihintsana avy amin' ny voaloboka, ary tahaka ny ravina malazo mihintsana avy amin' ny aviavy. **5** Fa ny sabatro dia mamon-drà any amin' ny lanitra; Indro, hidina hihatra amin' i Edoma iny sy amin' ny firenena voatendriko haringana, mba ho fitsarana azy. **6** Ny sabatr' i Jehovah feno rà, eny, mihosi-menaka amin' ny matavy sy amin' ny ran' ny zanak' ondry sy ny osilahy ary amin' ny fonomboan' ny ondrilahy; Fa Jehovah mamono zavatra hatao fanatitra ao Bozra Ary mahafaty be ao amin' ny tany Edoma. **7** Ary ny ombimanga miaraka aripaka aminy mbamin' ny vantotr' omby sy ny ombilahy, ka dia vonton-drà ny taniny, ary mihosi-menaka ny vovo-taniny. **8** Fa Jehovah manana andro famaliana, dia taona famaliana hiadiana ho an' i Ziona. **9** Ary hovana ho tonga dity ny renirano any Edoma, ary ho solifara ny vovo-taniny, ary ny taniny ho dity mirehitra. **10** Na alina na andro dia tsy hovonoina izany, ary ny setrony hisavoana mandrakizay; Hatramin' ny taranaka fara mandimby dia ho tany karankaina izy, tsy hisy handeha hamaky azy intsony mandrakizay mandrakizay. **11** Fa ho zara-tanin' ny sama sy ny sokina izy, ny vorondolo lehibe sy ny goaika dia hitoetra ao; Ary hohenjaniny eo aminy ny famolaina fikorontanana sy ny pilao fahafoanana. **12** Ary ny lehibe dia tsy hisy ao intsony hifidy izay hanjaka, fa ho fongana ny mpanapaka rehetra ao aminy. **13** Ary ho rakotry ny tsilo ny ao anatin' ny lapan' ny mpanjakany, amiana sy voaroy no ho ao amin' ny trano fiarovany; Ary ho fonenan' ny amboadia sy fitoeran' ny ostritsa izy. **14** Ny bibi-dia any an-efitra hihaona amin' ny kary; ary ny osilahy hiantso ny namany; Ary ilay mandehandeha amin' ny alina hitoetra any ka hahita fitoerana ho azy. **15** Ny bibilava miantoratoraka hanao ny lavany any ka hanatody sy hifana ary hikotrika ao amin' ny alokaloka any; Any koa no hiangonan' ny papango, samy eo amin' ny namany avy. **16** Izahao ao amin' ny bokin' i Jehovah, ka vakio; Tsy misy tsy ao ireo na dia iray akory aza. Tsy misy na dia iray akory aza hitady ny namany; Fa ny vavan' i Jehovah no nandidy izany, ary ny fanahiny ihany no nanangona azy. **17** Ary Izy no efa tinendry anjara ho an' ireo ary ny tànany no efa nizara izany ho an' ireo tamin' ny famolaina; Handova izany mandrakizay ireo ary hitoetra ao hatramin' ny taranaka fara-mandimby.

35 Ravoravo ny efitra sy ny tany karankaina, ary ny tani-hay mifaly sy mamony tahaka ny lilia. **2** Mamony be dia be izy, eny, mifaly mihoby izy, ny voninahitr' i Libanona dia homena azy mbamin' ny hatsaran-tarehin' i Karmela sy Sarôna, dia hahita ny voninahitr' i Jehovah izy sy ny famirapiratan' Andriamanitsika. **3** Ampaherezonareo ny

tanana miraviravy, ary hatanjaho ny lohalika malemy. **4** Lazao amin' izay reraka am-po: Mahereza, aza matahotra, indro, Andriamanitrareo ho avy mitondra famaliana, dia ny famalian' Andriamanitra, eny, Izy tokoa no ho avy ka hamonjy anareo. **5** Dia hampahiratina ny mason' ny jamba, ary hampahaladina ny sofin' ny marenina. **6** Dia hitsambikina tahaka ny diera ny mandringa, ary hihoby ny lelan' ny moana; Fa hiboiboika any an-efitra ny rano, ary hisy renirano any amin' ny tany karankaina. **7** Ny alonalona mitarehin-drano dia ho tonga farihy tokoa, ary ny tany mangentana ho loharano miboiboika; Ny fonenana izay amitsahan' ny amboadia dia haniry volotara sy zozoro. **8** Ary hisy lalambe any dia lalana voavoatra, izay hatao hoe Làlan' ny fahamasinana; Tsy mba handia izany ny tsy madio, fa Jehovah homba azy ka izay mandeha amin' ny lalana dia tsy ho diso any, na dia ny adala aza. **9** Any tsy hisy liona sady tsy hiakaran' ny biby masiaka, tsy ho hita ao ireny; Fa ny navotana no handia azy. **10** Eny, ny navotan' i Jehovah hiverina ka hankany Ziona amin' ny fihobiana, ary ny fifaliana mandrakizay no ho eny an-dohany; Hahazo fifaliana sy faharavoravoana izy, ka dia handositra ny alahelo sy ny fisentoana.

36 Ary tamin' ny taona fahefatra ambin' ny folo nanjakan' i Hezekia mpanjaka dia niakatra Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, hamely ny tanàna mimanda rehetra any Joda ka nahafaka azy. **2** Ary ny mpanjakan' i Asyria naniraka an-dRabsake mbamin' ny miaramila betsaka avy teo Lakisy hankany Jerosalema ho any amin' i Hezekia mpanjaka. Dia nitsangana teo anilan' ny lakan-drano amin' ny kamory ambony izy, teo an-dalambe mankamin' ny sahan' ny mpamotsy lamba. **3** Ary Eliakima, zanak' i Hilkia, izay lehiben' ny tao an-dapa, sy Sebna mpanoratra ary Joa, zanak' i Asafa, mpitadidy ny raharaham-panjakana, dia nivoaka ho ao aminy. **4** Dia hoy Rabsake tamin' ireo: Andeha, lazao amin' i Hezekia hoe: Izao no lazain' ny mpanjaka lehibe, dia ny mpanjakan' i Asyria: Inona moa izato itokianao? **5** Hoy izaho: Teny foana ny hoe: Manana saina sy hery hiady aho. Fa iza no itokianao, no miodina amiko ianao? **6** Indro, ianao matoky io tehina volotara torotoro io, dia Egypta, nefa raha itehenan' olona io, dia manindrona ny tànany miboroaka; eny, tahaka izany Farao, mpanjakan' i Egypta, amin' izay rehetra matoky azy. **7** Fa raha hoy ianao amiko: Jehovah Andriamanitray no itokianay, moa tsy Azy va ny fitoerana avo aman' alitara izay noravan' i Hezekia, izay nilaza tamin' ny Joda sy Jerosalema hoe: Eto anoloan' ity alitara ity no hiankohofanareo? **8** Koa aoka hifaninana ianao sy ny tompoko, mpanjakan' i Asyria, fa homeko soavaly roa arivo ianao, raha tàhiny manana olona hitaingina azy. **9** Hataonao ahoana no fampiamboho ny komandy iray amin' ny mpanompon' ny tompoko, na dia izay kely indrindra aminy aza, nefa matoky an' i Egypta ianao hahazoanao kalesy sy mpitaingin-tsoavaly? **10** Koa moa haitraitro va izao niakarako izao? Tsia, fa Jehovah no naniraka ahy handrava ity tany ity ka nanao hoe: Miakara ho amin' izany tany izany, ka ravao izy. **11** Dia hoy Eliakima sy Sebna ary Joa tamin-dRabsake: Masìna ianao, teny Syriana no ataovy amin' ny mpanomponao, fa fantatray ihany izany; fa aza manao teny Jiosy ho ren' ny olona eny ambonin' ny manda. **12** Fa hoy Rabsake: Moa ho amin' ny tomponao sy ianao va no nanirahan' ny tompoko hilaza izany teny izany, fa tsy ho amin' ny olona izay mipetraka eny ambonin' ny manda, hihinanany izay tsy fihinany sy hisotroany izay tsy fisotrony miaraka aminareo? **13** Dia nijoro teo Rabsake ka niantso tamin' ny feo mahery tamin' ny teny Jiosy hoe: Henoy ny tenin' ny mpanjaka lehibe, dia ny mpanjakan' i Asyria. **14** Izao no lazain' ny mpanjaka: Aza mety hofitahin' i Hezekia ianareo; fa tsy hahavonjy anareo izy tsy akory. **15** Ary aza mety hampahatokin' i Hezekia an' i Jehovah ianareo amin' ny anaovany hoe: Jehovah no hamonjy antsika tokoa; ary tsy hatolotra eo an-tànan' ny mpanjakan' i Asyria tsy akory ity tanàna ity. **16** Aza mihaino an' i Hezekia ianareo; fa izao no lazain' ny mpanjakan' i Asyria: Manaova fanekena amiko hiadananareo, ka mankanesa atỳ amiko, ary samia homana ny voalobony sy ny aviaviny, ary samia misotro ny rano avy amin' ny lavaka famorian-dranony avy ianareo, **17** mandra-pihaviko hitondra anareo ho any amin' izay tany tahaka ny taninareo, dia tany misy vary sy ranom-boaloboka, tany misy mofo sy tanim-boaloboka. **18** Aza mety homen' i Hezekia vohony ianareo amin' ny anaovany hoe: Jehovah no hamonjy antsika. Moa nisy nahavonjy ny taniny tamin' ny tanan' ny mpanjakan' i Asyria va ireo andriamanitry ny firenena ireo? **19** Aiza moa ny andriamanitr' i Hamata sy Arpada? Ary aiza koa ny andriamanitr' i Sefarvaima? Nahavonjy an' i Samaria tamin' ny tanako va ireo andriamaniny? **20** Iza moa amin' ny andriamanitra rehetra amin' ireo tany ireo no efa nahavonjy ny taniny tamin' ny tanako, koa aiza no hahavonjen' i Jehovah an' i Jerosalema amin' ny tanako? **21** Nefa nangina ny olona, ka tsy nisy namaly azy na dia teny indraim-bava akory aza, satria ny mpanjaka efa nandidy hoe: Aza misy mamaly azy. **22** Ary Eliakima, zanak' i Hilkia, izay lehiben' ny tao an-dapa, sy Sebna mpanoratra ary Joa, zanak' i Asafa, mpitadidy ny raharaham-panjakana, dia niditra nankao amin' i Hezekia, sady voatriatra ny fitafiany, ary nilaza taminy ny tenin-dRabsake izy.

37 Ary raha nandre izany Hezekia mpanjaka, dia nandriatra ny fitafiany izy sady nitafy lamba fisaonana ka lasa niditra tao an-tranon' i Jehovah, **2** ary izy naniraka an' i Eliakima, lehiben' ny tao an-dapa, sy Sebna mpanoratra ary ny lohan' ny mpisorona, samy nitafy lamba fisaonana avokoa, hankany amin' Isaia mpaminany, zanak' i Amoza, **3** ary nanao taminy hoe: Izao no lazain' i Hezekia: Andro fahoriana sy famaizana ary fanalambaraka ity andro ity; fa mby ao am-piterahana ny zaza, nefa tsy misy hery hiterahana azy. **4** Angamba ho ren' i Jehovah Andriamanitrao ny tenin-dRabsake, izay nirahin' ny mpanjakan' i Asyria tompony hihaika an' Andriamanitra velona, ka mba hovaliany izy noho ny teny izay efa ren' i Jehovah Andriamanitrao; koa aingao ny fivavakao hamonjy izay mbola sisa. **5** Dia nankany amin' Isaia ny mpanompon' i Hezekia mpanjaka. **6** Ary hoy Isaia taminy: Ambarao amin' ny tomponareo hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Aza

matahotra ny teny efa renao, dia izay nanompan' iretsy ankizilahin' ny mpanjakan' i Asyria iretsy Ahy. **7** Fa, indro, Izaho efa hanisy fanahy ao anatiny, ary hahare siosio izy, ka hiverina ho any amin' ny taniny; dia hataoko lavon-tsabatra any an-taniny izy. **8** Dia niverina Rabsake ka nankany Libna, izay nataon' ny mpanjakan' i Asyria fahirano tamin' izay; satria efa reny fa efa niala tany Lakisy ny mpanjaka. **9** Ary ren' i Sankeriba ny amin' i Tiraka, mpanjakan' i Etiopia, nanao hoe: Avy hiady aminao izy; ary nony nandre izany izy, dia naniraka olona ho any amin' i Hezekia nanao hoe: **10** Izao no holazainareo amin' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda: Aza mety hofitahin' ny Andriamanitrao Izay itokianao ianao hoe: Jerosalema tsy hatolotra eo an-tànan' ny mpanjakan' i Asyria. **11** Indro, ianao efa nandre izay nataon' ireo mpanjakan' i Asyria tamin' ny tany rehetra, dia ny nandravany azy; ka ianao kosa va no ho voavonjy? **12** Moa nahavonjy azy va ireo andriamanitry ny firenena noravan' ny razako, dia Gozana sy Harana sy Razefa ary ny taranak' i Edena izay tao Telasara? **13** Aiza ny mpanjakan' i Hamata sy ny mpanjakan' i Arpada sy ny mpanjakan' ny tanàna Sefarvaima sy Hena ary Iva? **14** Dia noraisin' i Hezekia tamin' ny tanan' ny iraka ny taratasy ka novakiny, dia niakatra nankao an-tranon' i Jehovah izy ka namelatra iny teo anatrehan' i Jehovah. **15** Ary Hezekia nivavaka tamin' i Jehovah nanao hoe: **16** Ry Jehovah, Tompon' ny maro ô, Andriamanitry ny Isiraely, Izay mipetraka amin' ny kerobima, Hianao dia Hianao ihany no Andriamanitry ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany; Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany. **17** Atongilano ny sofinao, Jehovah ô, ka mihainoa; ahirato ny masonao, Jehovah ô, ka mijere; ary mihainoa ny teny rehetra izay nampitondrain' i Sankeriba hihaika an' Andriamanitra velona. **18** Jehovah ô, marina ihany tokoa fa ireo mpanjakan' i Asyria dia efa nandrava ny firenena rehetra sy ny taniny **19** ary efa nanary ny andriamaniny tao anaty afo, satria tsy Andriamanitra ireny, fa asan' ny tànan' olona ihany, dia hazo sy vato, ka dia azony nosimbana. **20** Koa ankehitriny, Jehovah Andriamanitray ô, vonjeo amin' ny tànany izahay, mba hahafantaran' ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany fa Hianao ry ihany no Jehovah. **21** Ary Isaia, zanak' i Amoza, dia naniraka hankany amin' i Hezekia nanao hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Ny amin' ilay fitarainana nataonao tamiko ny amin' i Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, **22** dia izao no teny nolazain' i Jehovah ny amin' i Sankeriba: Manao tsinontsinona sy mandatsalatsa anao Ziona, zanakavavy virijina; Mihifikifidoha mahita anao mandositra Jerosalema zanakavavy. **23** Fa iza no nohaikainao sy nompanao? Ary hanohitra an' iza no nanandratanao ny feonao sy nampiandrandranao ny masonao any ambony? Hanohitra ny Iray Masin' ny Isiraely. **24** Ny mpanomponao no nihaikanao ny Tompo hoe: Tamin' ny kalesiko maro no niakarako tany an-tampon' ny tendrombohitra, tao afovoan' i Libanona; Ary hokapaiko ny sedera avo sy ny kypreso voafantina, dia hiditra any amin' ny faran' ny azo iakarana ao aho sy any amin' ny alany midokadoka, **25** Izaho no nihady ka nisotro rano, Ary ny faladiako no handritako ny lahin-drano rehetra any Egypta. **26** Tsy mbola renao va, hoy Jehovah, fa hatry ny fony ela no nanomanako izany, ary hatramin' ny andro taloha no nikasako izany? Ankehitriny dia efa nahatanteraka izany Aho ka dia nandrava tanàna mimanda ho tonga korontam-bato. **27** Ary efa tsy nahatohitra ny mponina any, sady raiki-tahotra no nangaihay. Efa tahaka ny ahitra any an-tsaha izy, ary tahaka ny ahi-maitso sy ny ahitra eo amin' ny tampon-trano. Ary tahaka ny vary maty raha vao mitsiry. **28** Fa samy fantatro avokoa ny ipetrahanao sy ny ivoahanao sy ny idiranao ary ny fahatezeranao amiko. **29** Satria efa tezitra amiko ianao, ary efa tonga ato an-tsofiko ny fireharehanao, dia hasiako ny masombiko ny oronao ary hasiako ny lamboridiko ny vavanao, ary hampivereniko amin' ny lalana izay nihavianao ianao. **30** Ary izao no ho famantarana ho anao kosa: Hihinana ny maniry ho azy amin' ity taona ity ianareo; ary amin' ny taona manaraka dia ny kolokolon' izany, fa amin' ny taona fahatelo kosa dia mamafaza ianareo, ka mijinjà, ary manaova tanim-boaloboka, ka mihinàna izay vokatra eo. **31** Ary izay sisa amin' ny taranak' i Joda dia mbola hamaka lalindalina kokoa sady hisondrotra hamoa. **32** Fa hisy sisa hiseho avy any Jerosalema sy sisa afaka avy any an-tendrombohitra Ziona ny fahasaro-piaron' i Jehovah, Tompon' ny maro, no hanao izany. **33** Koa izao no lazain' i Jehovah ny amin' ny mpanjakan' i Asyria: Tsy ho tafiditra amin' ity tanàna ity izy, na handefa zana-tsipìka ho ato, na hitondra ampinga eo anoloany, na hanandratra tovontany hamelezany azy. **34** Ny lalana izay nihaviany ihany no hiverenany, fa tsy ho tafiditra amin' ity tanàna ity izy, hoy Jehovah. **35** Fa hiaro ity tanàna ity Aho ka hamonjy azy noho ny amin' ny tenako sy Davida mpanompoko. **36** Dia avy Ilay Anjelin' i Jehovah ka namely olona dimy arivo amby valo alina sy iray hetsy tao an-tobin' ny Asyriana; ary nony maraina koa vao nifoha olona, dia hita fa, indreo, efa maty avokoa ireo. **37** Dia niainga Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, ka lasa nody ary nitoetra tany Ninive. **38** Ary raha niankohoka tao an-tranon' i Nisroka andriamaniny izy, dia nokapain' i Adrameleka sy Sarezera zananilahy ny sabatra izy; ary dia afaka nandositra ho any amin' ny tany Ararata izy mirahalahy; ary Esara-hadona zananilahy no nanjaka nandimby azy.

38 Ary tamin' izany andro izany dia narary saiky maty Hezekia; ary Isaia mpaminany zanak' i Amoza, nankao aminy ka nilaza taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Hafaro ny ankohonanao, fa ho faty ianao, fa tsy ho velona. **2** Dia nitodika nankany amin' ny rindrina Hezekia ka nivavaka tamin' i Jehovah **3** hoe: Jehovah ô, enga anie ka hotsarovanao ny nandehanako teo anatrehanao tamin' ny fahamarinana sy tamin' ny foko rehetra ary ny nanaovako izay tsara eo imasonao Dia nitomany mafy dia mafy izy. **4** Dia tonga tamin' Isaia ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **5** Mandehana, ka lazao amin' i Hezekia hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitr' i Davida rainao: Efa nohenoiko ny fitarainanao, ary efa hitako ny ranomasonao; indro, hampiako dimy ambin' ny folo taona ny andronao, **6** sady hamonjy anao sy ity tanàna ity amin' ny tanan' ny mpanjakan' i Asyria Aho; ary hiaro ity tanàna ity Aho. **7**

Ary izao no ho famantarana ho anao avy amin' i Jehovah, hahalalanao fa Jehovah hanao izay zavatra nolazainy: **8** Indro, hampiverina ny aloka hàdiny folo Aho araka ny nampidinan' ny masoandro azy teo amin' ny dialin' i Ahaza. Ka dia niverina hàdiny folo ny masoandro, dia ilay efa nidinany. **9** Ny teny nosoratan' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda, raha narary izy ka sitrana tamin' ny aretiny: **10** Hoy izaho: Amin' izao andro mbola iadanako izao no tsy maintsy idirako amin' ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita; nesorina tamiko ny androko sisa. **(Sheol h7585)** **11** Hoy izaho: Tsy mba hahita an' i Jehovah intsony aho. Eny, tsy mba hahita an' i Jehovah ao amin' ny velona intsony aho; Tsy mba hahita olona intsony aho, fa ho isan' ny mponina any amin' ny fiainan-tsi-hita. **12** Ny fonenako nesorina ka nafindra tsy ho amiko, tahaka ny lain' ny mpiandry ondry; Ahoroko tahaka ny tenona ny androko, fa efa hotapahiny ho afaka amin' ny haraka izy; Indray andro monja no anaperanao ny aiko. **13** Nampionona ny foko aho mandra-pahamarain' ny andro; Tahaka ny fanapatapaky ny liona no anapatapahany ny taolako rehetra; Indray andro monja no anaperanao ny aiko. **14** Ka dia mikoraraika tahaka ny sidintsidina sy ny vano aho. Ary mitolokoloko tahaka ny voromailala. Pahina ny masoko noho ny faniriako ho any amin' ny avo; Jehovah ô, ory loatra aho, aoka hiantoka ahy Hianao. **15** Ahoana no holazaiko? Sady nilaza tamiko Izy no nahatanteraka koa; Handeha mijoretra aho amin' ny taonako sisa rehetra noho ny fangidian' ny aiko. **16** Tompo ô, izany no iveloman' ny olona, ary amin' izany tokoa no iainan' ny fanahiko, ka dia mahasitrana sy mahavelona ahy Hianao. **17** Indro, tonga fiadanana ilay fahoriana mangidy dia mangidy nanjo ahy, ary ny fitiavanao no namonjenao ny fanahiko tsy hankany amin' ny lavaka fahalevonana; Fa narianao teo ivohonao ny fahotako rehetra. **18** Fa ny fiainan-tsi-hita tsy mba mahasaotra Anao, ny fahafatesana tsy mahadera Anao; Fa izay midìna any an-davaka dia tsy mahazo manantena ny fahamarinanao. **(Sheol h7585)** **19** Ny velona dia ny velona ihany no hidera Anao, tahaka izao izaho anio izao; Ny ray hampahalala ny zanany ny fahamarinanao. **20** Jehovah efa vonona hamonjy Ahy, Ka dia hitendry ny lokangako ao an-tranon' i Jehovah izahay Amin' ny andro rehetra iainanay. **21** Ary hoy Isaia: Makà ampempan' aviavy, ary apetaho amin' ny vay izany, mba ho sitrana izy. **22** Ary hoy Hezekia: Inona no famantarana fa hiakatra ao an-tranon' i Jehovah aho?

39 Tamin' izany andro izany no nampitondran' i Merodaka-baladana, zanak' i Baladana, mpanjakan' i Babylona, taratasy sy fanomezana ho an' i Hezekia; fa efa reny fa narary izy ka sitrana. **2** Ary dia faly Hezekia noho izany ka nampiseho azy ny trano fitehirizany zava-tsoa, dia volafotsy sy volamena sy zava-manitra ary menaka tsara, sy ny trano fitehirizana ny fiadiany rehetra mbamin' izay rehetra tao amin' ny firaketany; tsy nisy zavatra tsy nasehon' i Hezekia azy, na ny tao an-tranony, na ny tao amin' ny fanjakany rehetra. **3** Dia nankany amin' i Hezekia mpanjaka mpaminany ka nanao taminy hoe: Ahoana no nolazain' ireo olona ireo, ary avy taiza nihaviany hankatỳ aminao? Ary hoy Hezekia: Nankaty amiko avy tany an-tany lavitra izy, dia avy tany Babylona. **4** Dia hoy izy: Ka inona avy anefa no hitany tato ananonao? Ary hoy Hezekia: Izay rehetra an-tranoko dia efa hitany avokoa; tsy nisy zavatra tsy nasehoko azy ny ao amin' ny firaketako rehetra. **5** Ary hoy Isaia tamin' i Hezekia: Henoy ny tenin' i Jehovah, Tompon' ny maro: **6** Indro, avy ny andro, ka ho entina ho any Babylona izay rehetra ao an-tranonao sy izay rehetra noharin' ny razanao ka voatahiry mandraka androany; eny, tsy hisy sisa hijanona inona na inona, hoy Jehovah. **7** Ary na dia terakao aza dia hisy ho entiny koa, ka ho tandonaka any amin' ny lapan' ny mpanjakan' i Babylona ireo. **8** Dia hoy Hezekia tamin' Isaia: Tsara ny tenin' i Jehovah izay nolazainao. Ary hoy koa izy: Eny, hisy fiadanana amin' ny androko handry fahizay.

40 Ampionony, ampionony ny oloko, Hoy Andriamanitrareo; **2** Mitoria teny soa mahafaly amin' i Jerosalema, ka lazao aminy fa vita ny adiny, sady voavela ny helony, ary efa nandray indroa heny tamin' ny tànan' i Jehovah izy ho valin' ny fahotana rehetra nataony. **3** Injany! misy feon' ny miantso hoe: Manamboara lalana any an-efitra ho an' i Jehovah, manaova lalambe any an-tany foana ho an' Andriamanitsika. **4** Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, Aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; Aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dalana ho tonga lemaka; **5** Dia hiseho ny voninahitr' i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; Fa ny vavan' i Jehovah no efa niteny. **6** Injany! misy miteny hoe: Miantsoa. Ary hoy izy: Ahoana anefa no antso hataoko? Ahitra ny nofo rehetra, ary ny hatsaran-tarehiny rehetra dia tahaka ny vonin-javatra any an-tsaha; **7** Maina ny ahitra, malazo ny voniny, satria tsofin' ny fofonain' i Jehovah ireny; Eny, ahitra tokoa ny olona. **8** Maina ny ahitra, malazo ny voniny; Fa ny tenin' Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay. **9** Ry Ziona, izay mitondra teny soa mahafaly ô, miakara any an-tendrombohitra avo; Ry Jerosalema izay mitondra teny soa mahafaly ô, Asandrato mafy ny feonao, asandrato, fa aza matahotra; Lazao amin' ny tanànan' ny Joda hoe. Indro Andriamanitrareo! **10** Indro, Jehovah Tompo ho avy amin' ny heriny, ka ny sandriny ihany no hanapaka; indro, ny valim-pitia hatolony dia eny aminy, ary ny valin' asa homeny dia eo anoloany. **11** Hiandry ny ondriny tahaka ny mpiandry ondry Izy; Ny sandriny no hanangonany ny zanak' ondry, ka hotrotroiny eo an-tratrany ireny, ary horoahiny miadana ny ampianahany. **12** Iza no namatra ny rano teo am-pelatanany, ary nanjehy ny lanitra tamin' ny zehiny, sy namory ny vovo-tany tamin' ny vata, ary nandanja ny tendrombohitra tamin' ny fandanjana sy ny havoana tamin' ny mizana? **13** Iza no nanome hevitra ny Fanahin' i Jehovah, ary iza no mpanolo-tsaina nampianatra Azy? **14** Iza no nidinihany ka nanome saina Azy sy nanoro Azy ny lalan' ny fitsarana ary nampianatra fahalalana Azy sy nampahafantatra Azy ny lalan' ny fahendrena? **15** Indro, ny firenena dia tahaka ny rano indray mitete avy amin' ny siny ary atao ho tahaka ny vovoka madinika amin' ny

mizana; Indro, ny nosy dia tsintsininy tahaka ny zavatra bitika indrindra. **16** Ary Libanona aza tsy ampy hataina, ary ny biby ao tsy ampy ho fanatitra dorana. **17** Ny firenena rehetra dia tahaka ny tsinontsinona eo anatrehany, ka ataony ho naman' ny tsinontsinona sy ny zava-poana izy. **18** Koa ampitovinareo amin' iza moa Andriamanitra? Ary endrik' inona no ampanahafinareo Azy? **19** Ny mpiasa manao sarin-javatra an-idina, ary ny mpanefy volamena mametaka takela-bolamena aminy sy manao tongalika volafotsy an-idina. **20** Izay malahelo ka tsy manan-katerina dia mifidy hazo tsy mety ho lò ary mitady mpiasa mahay zavatra mba hamorona sarin-javatra voasokitra izay tsy hihezongozona. **21** Tsy fantatrareo va? Tsy efa renareo va? Tsy efa nambara taminareo fony taloha va? Tsy efa azonareo an-tsaina va ny amin' ny fanorenan' ny tany? **22** Izy no mipetraka amin' ny habakabaka ambonin' ny tany, ary ny mponina etỳ dia tahaka ny valala; Izy no mamelatra ny lanitra tahaka ny lamba manify kararavina ary manenjana azy tahaka ny lay hitoerana; **23** Izy no mahatsinontsinona ny mpanapaka sy mahatonga ny mpitsara amin' ny tany ho tahaka ny zava-poana. **24** Vao nambolena vetivety ireo, vao nafafy ireo, vao namaka tao amin' ny tany ny fotony, dia notsofin' Andriamanitra ireo, ka dia nalazo, ary nindaosin' ny tafio-drivotra tahaka ny vodivary izy. **25** Koa ampitovinareo amin' iza moa Aho, hitahako aminy? Hoy ny Iray Masìna. **26** Asandrato ny masonareo, ka mijere; Iza no nahary ireny? Izy no mamoaka ny antokony araka ny isany sy miantso azy rehetra amin' ny anarany avy noho ny haben' ny fahatanjahany sy ny heriny tsy toha, ka tsy misy diso ireny na dia iray akory aza. **27** Nahoana no miteny ianao, ry Jakoba ô, ary milaza ianao, ry Isiraely ô, hoe: Miafina tsy hitan' i Jehovah ny lalako, ary mihelina tsy hitan' Andriamanitro ny rariny tokony ho ahy? **28** Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, izay namorona ny faran' ny tany? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy; Tsy takatry ny saina ny fahalalany. **29** Mampahatanjaka ny reraka Izy, ary izay kely hery dia omeny hery be. **30** Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy; **31** Fa izay miandry an' i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; Hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; Handeha izy, nefa tsy ho reraka.

41 Mangìna hihaino ahy ianareo, ry nosy, ary aoka handroso hery ny firenena; Aoka hanatona izy, ka dia hiteny; Andeha isika hifanatona eo amin' ny fitsarana. **2** Iza no nanaitra avy any atsinanana ilay nomban' ny fahamarinana tamin' ny diany rehetra, ary nanolotra ny firenena ho eo anatrehany, ka nampanapahiny ireo mpanjaka izy? Iza no nanao ny sabany ho tahaka ny vovoka, ary ny tsipìkany ho tahaka ny vodivary voapaoka? **3** Mipaoka ireo izy ka mandroso soa aman-tsara any amin' izay lalana tsy mbola nodiavin' ny tongony. **4** Iza moa no nanao sy nahavita izany, sady miantso ny taranaka maro hatramin' ny taloha? Izaho Jehovah no voalohany, ary hatramin' ny farany dia mbola Izaho ihany no Izy. **5** Ny nosy nahita ka raiki-tahotra; Toran-kovitra ny vazan-tany dia nanatona izy ka tonga. **6** Samy nanampy ny namany avy izy rehetra, ary samy nilaza tamin' ny rahalahiny avy hoe: Matokia. **7** Koa ny mpandrafitra dia nampahery ny mpanefy volamena, ary izay nandama tamin' ny tantanana nampahery izay nively teo amin' ny riandriana, ka hoy izy, miantso ny solohoto: Tsara ity, dia nohomboany mafy tamin' ny hombo izy mba tsy hihozongozona. **8** Fa ianao kosa, ry Isiraely mpanompoko, sy Jakoba, izay nofidiko, Taranak' i Abrahama sakaizako, **9** Hianao izay efa notantanako avy tany amin' ny faran' ny tany ary nantsoiko avy tany an-tsisiny ka nilazako hoe: Mpanompoko ianao, Efa nofidiko ka tsy mba nariako: **10** Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho; Ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; Mampahery anao Aho sady mamonjy anao; Eny, mitantana anao amin' ny tanana ankavanan' ny fahamarinako Aho. **11** Indro, ho menatra sy hangaihay izay rehetra tezitra aminao, ho tsinontsinona izy; Eny, ho levona izay miady aminao. **12** Hotadiavinao izay mifanditra aminao, fa tsy ho hitanao, ary ho tahaka ny tsinontsinona sy ny zava-poana izay miady aminao. **13** Fa Izaho Jehovah Andriamanitrao no mitantana ny tananao ankavanana, dia ilay manao aminao hoe: Aza matahotra, Izaho no hamonjy anao. **14** Aza matahotra ianao, ry Jakoba kankana, dia ianareo, ry Isiraely olom-bitsy, Izaho no hamonjy anao, hoy Jehovah, Ary ny Iray Masin' ny Isiraely no Mpanavotra anao. **15** Indro, ataoko kodia vy vaovao misy nify maranitra ianao; Hively ny tendrombohitra ianao ka hanorotoro azy ho vovoka ary hanao ny havoana ho tahaka ny akofa. **16** Hikororoka azy ianao, ka hopaohin' ny rivotra izy, ary ny tafio-drivotra hanely azy; Fa ianao kosa dia hiravoravo amin' i Jehovah, ary ny Iray Masin' ny Isiraely no ho reharehanao. **17** Ny ory sy ny malahelo mitady rano, fa tsy mahita, ary ny lelany mainan' ny hetaheta; Izaho Jehovah no hihaino azy, Izaho, Andriamanitry ny Isiraely, tsy hahafoy azy; **18** Hampiboika renirano ao amin' ny tendrombohitra mangadihady Aho ary loharano ao amin' ny lohasaha; Hanao ny efitra ho farihy Aho ary ny tany karankaina no loharano miboiboika. **19** Hampaniry hazo sedera sy akasia sy rotra ary oliva any an-efitra Aho ary kypreso sy pina sy bokso eny an-tani-hay, **20** Mba ho hitany sy ho fantany sy hoheveriny ary ho azony an-tsaina fa ny tànan' i Jehovah no nanao izany, ary ny Iray Masin' ny Isiraely no nahary izany. **21** Alaharo eto ny teninareo, hoy Jehovah; Asehoy izay mahamarina ny anareo, hoy ny Mpanjakan' i Jakoba. **22** Aoka hampanatoniny ka hasehony amintsika izay zavatra mbola ho avy; Ambarao izay zavatra taloha, mba hoheverinay ka ho fantatray izay hiafarany, na ilazao izay zavatra ho avy izahay. **23** Ambarao anay izay zavatra ho avy rahatrizay, mba ho fantatray fa andriamanitra ianareo; Eny, manaova soa, na manaova ratsy, mba hitaha isika, ka samy hahita. **24** Indro, ianareo dia naman' ny tsinontsinona, ary ny asanareo dia naman' ny zava-poana; vetaveta izay mifidy anareo. **25** Nanaitra ny anankiray avy tany avaratra Aho, ka tonga izy. Dia ny anankiray avy any amin' ny fiposahan' ny masoandro, izay hiantso ny anarako, ary hanosihosy ny mpanapaka tahaka ny fanosihosy feta izy, ary tahaka ny mpanefy vilany mihosy tanimanga. **26** Iza

no nitory izany hatramin' ny voalohany, mba ho fantatray? Ary hatry ny fony taloha, mba hataonay hoe: Marina? Tsy nisy nanambara, eny, tsy nisy nitory; Ary tsy nisy nandre ny teninareo. **27** Izaho no voalohany Izay milaza amin' i Ziona hoe: Indreo, indreo izy, sady manome mpitondra teny soa mahafaly ho an' i Jerosalema. **28** Dia nijery Aho, kanjo tsy nisy olona, eny, nojereko ireny kanjo tsy nisy mpanolotsaina hamaly Ahy, raha manontany azy Aho. **29** Indro, zava-poana avokoa izy rehetra; Tsinontsinona ny asany; Rivotra sy zava-poana ny sampiny an-idina.

42 Indro ny Mpanompoko, Izay tantanako, dia Ilay voafidiko sady sitraky ny foko Napetrako tao aminy ny Fanahiko; Hamoaka fitsipika ho an' ny jentilisa Izy. **2** Tsy hiantsoantso Izy, na hanandratra ny feony, na hanao izay handrenesana ny feony eny an-dalana. **3** Tsy hotapahiny ny volotara torotoro, ary tsy hovonoiny ny lahin-jiro manetona; Hamoaka izay tena rariny tokoa Izy. **4** Tsy ho reraka na ho kivy Izy, Mandra-panoriny ny rariny amin' ny tany, ary ny nosy hiandry ny lalàny. **5** Izao no lazain' i Jehovah Andriamanitra, Izay nahary ny lanitra sy nanenjana azy, Izay namelatra ny tany sy ny vokatra avy aminy, Izay manome fofonaina ny olona eo aminy sy fanahy ho an' izay mandeha eo aminy: **6** Izaho Jehovah efa niantso Anao tamin' ny fahamarinana sy nitantana ny tananao, Ary hiaro Anao Aho ka hanome Anao ho fanekena ho an' ny olona, Ho fanazavana ny jentilisa, **7** Hampahiratra ny mason' ny jamba, hamoaka ny mpifatotra hiala ao an-trano-maizina ary izay mipetraka ao amin' ny maizina hiala ao an-trano famatorana. **8** Izaho no Jehovah, izany no anarako, ka ny voninahitro tsy homeko ny hafa, na ny fiderana Ahy ho an' ny sarin-javatra voasokitra. **9** Ny amin' ny zavatra taloha, dia indreo, efa miseho; Ary zava-baovao kosa no toriko izao; Na dia tsy mbola miposaka aza ireny, dia ambarako aminareo. **10** Hianareo izay midìna any amin' ny ranomasina sy ny ao aminy rehetra, dia ianareo nosy sy ny mponina ao aminy, samia mihira fihirambaovao ho an' i Jehovah, dia ny fiderana Azy hatramin' ny faran' ny tany. **11** Aoka ny efitra sy ireo tanàna eny aminy hanandratra ny feony, dia ny vohitra izay onenan' i Kedara; Aoka hihoby ny mponina any Sela; Ary aoka hanao feo avo any an-tampon' ny tendrombohitra izy. **12** Aoka hanome voninahitra an' i Jehovah izy Ary hitory ny fiderana Azy any amin' ny nosy. **13** Jehovah mivoaka tahaka ny lehilahy mahery, tahaka ny fanaon' ny mpiady no amohazany ny fahatezerany; Miantsoantso Izy, eny, mihiaka mafy; Mampiseho hery haharesy ny fahavalony Izy. **14** Efa tsy niteny Aho hatrizay hatrizay, nangina ihany Aho ka nanindry fo; Fa izao Aho dia mitaraina tahaka ny vehivavy raha miteraka, eny, miehakehaka tsy avy miaina. **15** Hataoto mariry ny tendrombohitra sy ny havoana, hataoko maina ny ahitra rehetra ao aminy, ary ny ony ho tonga nosy, Ary hataoko tankina ny farihy. **16** Hitarika ny jamba amin' izay lalana tsy fantany Aho; ary amin' ny lalana tsy fantany no hitondrako azy; Ny maizina dia hataoko mazava eo anoloany, ary ny mikitoantoana halamako tsara; Izany zavatra izany no hataoko aminy ka tsy hamelako. **17** Hihemotra sady ho menatra tokoa izay matoky ny sarin-javatra voasokitra, dia izay manao amin' ny sarin-javatra an-idina hoe: Hianareo no andriamanitray. **18** Mihainoa ianareo, ry marenina; Ary mijere, ry jamba, mba hahita. **19** Iza no jamba, afa-tsy ny mpanompoko? Ary iza no marenina tahaka ny iraka izay irahiko? Iza no jamba tahaka ny sakaizan' i Jehovah, ary jamba tahaka ny mpanompony? **20** Mahita zavatra maro ianao, nefa tsy mitandrina; Manongilana ny sofiny izy, nefa tsy mihaino. **21** Sitrak' i Jehovah noho ny fahamarinany ny hahalehibe ny lalàna sy ny hahabe voninahitra azy. **22** Kanefa ity dia firenena nobaboina sy norobaina; Voafandrika ao andavaka avokoa izy rehetra ary voàfina ao an-trano-maizina; Voababo izy, ka tsy misy mamonjy; Voasambotra izy, ka tsy misy manao hoe: Ampodio. **23** Iza aminareo no hihaino iza-ny? Iza no handre, dia hitandrina izany amin' ny andro ho avy? **24** Iza no nanolotra an' i Jakoba hosamborina, ary Isiraely ho an' ny mpamabo? Tsy Jehovah, Izay efa nanotantsika va? Satria tsy nety nandeha tamin' ny lalany ireo, sady tsy nety nihaino ny lalàny; **25** Ka dia nalatsany taminy ny firehitry ny fahatezerany sy ny halozan' ny ady; Dia nampirehitra azy manodidina izany nefa tsy fantany; Ary nandoro azy, nefa tsy noheverin' ny fony

43 Fa ankehitriny, ry Jakoba ô, izao no lazain' i Jehovah, Izay nahary anao sady namorona anao, ry Isiraely ô: Aza matahotra ianao, fa efa nanavotra anao Aho; Efa niantso ny anaranao Aho, Ahy ianao. **2** Raha mita ny rano ianao, dia homba anao Aho; Ary raha mita ny ony ianao, dia tsy hanafotra anao izy; Raha mandeha mamaky ny afo ianao, dia tsy ho may, Ary tsy hirehitra aminao ny lelafo; **3** Fa Izaho Jehovah no Andriamanitrao, Dia ny Iray Masin' ny Isiraely, Mpamonjy anao; Omeko ho avotrao Egypta, ary Etiopia sy Seba ho solonao. **4** Satria malala eo imasoko ianao, eny, be voninahitra ianao sady tiako, dia olona no omeko ho solonao, ary firenena ho solon' ny ainao. **5** Aza mahatahotra, fa momba anao Aho; Hitondra ny taranakao avy any atsinanana Aho, ary avy any andrefana no hanangonako anao; **6** Ny avaratra hilazako hoe: Avoahy, ary ny atsimo hoe: Aza hazonina; Alao ny zanako-lahy avy lavitra sy ny zanako-vavy avy any amin' ny faran' ny tany, **7** Dia izay rehetra antsoina amin' ny anarako sady nohariko ho voninahitro, dia izay noforoniko sy nataoko. **8** Ento mivoaka ny olona jamba mana-maso sy ny marenina manan-tsofina. **9** Aoka hiangona ny firenena rehetra, Ary aoka hivory ny olombelona; Iza aminareo no mahalaza izany? Aoka hambarany amintsika ny fahiny taloha; Aoka ho entiny ny vavolombelony hahamarina azy; Ary aoka hihaino ireo ka hiaiky hoe: Marina izany. **10** Hianareo no vavolombeloko, hoy Jehovah, sady mpanompoko izay efa nofidiko, Mba hahafantaranareo sy hinoanareo Ahy ka ho azonareo tsara fa Izaho no Izy; Talohako dia tsy nisy andriamanitra voaforona, sady tsy hisy handimby Ahy. **11** Izaho dia Izaho ihany no Jehovah Ary tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho. **12** Izaho efa nilaza sy namonjy ary nanambara, ary tsy nisy hafa tao aminareo; Dia ianareo no vavolombeloko, hoy Jehovah, ary Izaho no Andriamanitra.

13 Eny, hatramin' izary andro izany Izaho no Izy, Ary tsy misy maharombaka amin' ny tanako; Miasa Aho, ka iza moa no mahasakana izany? **14** Izao no lazain' i Jehovah, Mpanavotra anareo, dia ny Iray Masin' ny Isiraely: Noho ny aminareo no nanirahako tany Babylona, ary hampidiniko izy rehetra mbamin' ny Kaldeana ho mpandositra ho any amin' ny sambo izay efa nifaliany. **15** Izaho no Jehovah, Iray Masinareo, Mpamorona ny Isiraely sady Mpanjakanareo. **16** Izao no lazain' i Jehovah, Izay manao lalana eny amin' ny ranomasina sy lalan-kaleha eny amin' ny rano manonja, **17** Izay mamoaka ny kalesy sy ny soavaly, ny miaramila sy ny lehilahy miara-mandry avokoa izy ka tsy hiarina intsony, mitsilopilopy izy, ka dia maty toy ny jiro: **18** Aza mahatsiaro ny lasa, na misaina ny taloha. **19** Indro, Izaho efa hanao zava-baovao, koa ankehitriny dia efa miposaka izany tsy hahalala izany va ianareo? eny, any an-efitra no hanaovako lalana ary any amin' ny tany sao no hasiako ony; **20** Dia hanome voninahitra Ahy ny bibi-dia sy ny amboadia ary ny ostritsa, satria manisy rano any an-efitra sy ony any amin' ny tany lao Aho, Hampisotroana ny oloko, dia ilay voafidiko. **21** Izao olona noforoniko ho Ahy izao no hanambara ny fiderana Ahy. **22** Nefa Izaho tsy mba nantsoinao, ry Jakoba; Fa sasatra amiko ianao, ry Isiraely. **23** Tsy nitondranao ny zanak' ondry fanatitra doranao Aho, na nomenao voninahitra tamin' ny fanatitrao. Tsy nampahavesatra anao tamin' ny fanatitra Aho, na nanasatra anao tamin' ny ditin-kazo mani-pofona. **24** Tsy nandoa vola namidy veromanitra ho Ahy ianao, na nahavoky Ahy tamin' ny saboran' ny fanatitrao; Fa nampahavesatra Ahy tamin' ny fahotanao kosa ianao sy nanasatra Ahy tamin' ny helokao. **25** Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin' ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao. **26** Ampahatsiarovy Aho, ka avia isika hifandahatra; Alaharo ary ny teninao, mba hahitana izay mahamarina anao. **27** Ny razambenao voalohany indrindra dia efa nanota, ary ireny mpanalalana aminao efa niodina tamiko, **28** Koa izany no nanaovako ny mpanapaka masìna ho tsy masìna, sy nanolorako an' i Jakoba ho fandringana ary Isiraely ho latsa.

44 Fa ankehitriny dia mihainoa, ry Jakoba, mpanompoko, sy ry Isiraely, izay nofidiko; **2** Izao no lazain' i Jehovah Izay nahary anao sy namorona anao hatrany am-bohoka sady mamonjy anao: Aza matahotra, ry Jakoba mpanompoko, Ary ianao, ry Jesorona, izay nofidiko; **3** Fa handatsaka rano amin' izay mangetaheta Aho, ary riaka ho amin' izay tany karankaina; Eny, handatsaka ny Fanahiko amin' ny taranakao Aho, ary ny fitahiako ho amin' ny terakao; **4** Dia haniry eny amin' ny ahitra tahaka ny hazomalahelo eny anilan' ny rano mandeha ireny. **5** Ny anankiray hilaza hoe: An' i Jehovah aho: Ary ny anankiray koa hankalaza ny anarana hoe Jakoba; Ary ny anankiray koa indray hanoratra amin' ny tànany hoe: An' i Jehovah, Ary ny anarana hoe Isiraely dia hotononiny amim-panajana. **6** Izao no lazain' i Jehovah, Mpanjakan' ny Isiraely, dia Jehovah, Tompon' ny maro, Mpanavotra azy: Izaho no voalohany, ary Izaho no farany: Ka tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho. **7** Ary iza moa no mba mahantso tahaka Ahy (Aoka hanambara sy handahatra izany amiko izy) hatrizay nampitoerako ny firenena fony fahagola? Ary ny zavatra ho avy sy ny mbola ho tonga, dia aoka hambarany koa izany. **8** Aza matahotra na mangovitra ianareo; Tsy efa nampandre anareo hatramin' ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo? Eny, ianareo no vavolombeloko; Misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va? Tsia, tsy misy Vatolampy, tsy hitako izany. **9** Izay mamorona sarin-javatra voasokitra dia zava-poana avokoa; Ary ny zavatra tiany indrindra dia tsy mahasoa; Ny vavolombelon' ireny dia tsy mahita na mahalala, mba hahamenatra azy. **10** Iza no namorona andriamanitra, na nanao sarin-javatra an-idina izay tsy mahasoa akory? **11** Indro, ho menatra ny namany rehetra; Fa ny mpiasa dia olona ihany; Aoka hivory izy rehetra ka handroso; Aoka ho raiki-tahotra sy ho menatra avokoa izy. **12** Ny mpanefy manamboatra fiasana; Miasa amin' ny arina izy ary manamboatra azy amin' ny tantanana sy miasa azy amin' ny sandriny matanjaka; Eny, noana izy, ka ketraka ny heriny; Tsy misotro rano izy ka reraka. **13** Ny mpandrafitra manenjana ny kofehy sy manamarika azy amin' ny fitsipihana; Manamboatra azy amin' ny vankona izy, dia manamarika azy amin' ny kompà ary mahavita azy ho tahaka ny endrik' olona, dia tahaka ny hatsaran-tarehin' ny olona, Mba hampitoerina ao an-trano. **14** Tsy maintsy mijinja ny sedera izy ary maka ny hazo ileksa sy ôka Ary mifidy hazo any an' ala; Mamboly ny hazo orno izy, ka ampanirin' ny ranonorana izany; **15** Ary dia anaovan' ny olona kitay izany ka analany hamindroany; Eny, ampirehetiny izany mba hanendasany mofo; Anaovany andriamanitra izany, ka dia ivavahany; Eny, anaovany sarin-javatra voasokitra koa izany, ka dia iankohofany. **16** Ny sasany dorany amin' ny afo, eny, ny sasany ahandroany hena; Manatsatsika hena izy, ka dia voky; Eny, mamindro izy ka manao hoe: Aha! mafana aho izany! nahita afo aho lahy! **17** Ary ny sisan' izany dia amboariny ho andriamanitra, ho sarin-javatra voasokitra, Ary miondrika sy miankohoka eo anatrehany izy ka mivavaka aminy hoe: Vonjeo aho, fa andriamanitro ianao. **18** Tsy mahalala na mahafantatra ireny; Fa voatampina ny masony ka tsy mahita, Ary ny fony, ka tsy mahalala. **19** Tsy misy mieritreritra ao am-pony, na mba manana fahalalana na saina akory hanao hoe: Ny sasany mantsy nodorako tamin' ny afo; Eny, efa nanendy mofo tamin' ny vainafony aho: Efa nanatsatsika hena aho ka nihinana; Koa ny sisa va hataoko fahavetavetana, Hiankohofako eo anatrehan' izay vatan-kazo? **20** Homan-davenona izy; Voafitaka ny fony ka nampivily azy, ka dia tsy mahavonjy ny fanahiny izy na mahalaza hoe: Moa tsy lainga va no eto an-tanako ankavanana? **21** Tsarovy izany, ry Jakoba, dia ianao, ry Isiraely, fa mpanompoko ianao; Noforoniko ianao ka mpanompoko; Tsy hohadinoiko ianao, ry Isiraely ô, **22** Izaho efa nandevona ny fahadisoanao tahaka ny fandevona ny zavona, ary ny fahotanao tahaka ny rahona; Koa miverena amiko, fa efa nanavotra anao Aho. **23** Mihobia, ry lanitra; Fa Jehovah no nanao izany; Manaova feo fifaliana ianareo, ry fitoerana lalina any ambanin' ny tany; Velomy ny hoby,

ry tendrombohitra, ary ianao, ry ala mbamin' izay hazo rehetra ao; Fa Jehovah efa nanavotra an' i Jakoba sy mampiseho ny voninahiny eo amin' Isiraely. **24** Izao no lazain' i Jehovah, izay nanavotra anao sady namorona anao hatrany am-bohoka: Izaho no Jehovah Izay manao ny zavatra rehetra, Izaho irery no manenjana ny lanitra; Ny tenako ihany no mamelatra ny tany; **25** Izaho mahafoana ny famantarana lazain' ny mpibedibedy sy mampahavery saina ny mpanao fankatovana ary mampihemotra ny olon-kendry ka mampody ny fahalalany ho fahadalana, **26** Ary mahatò ny tenin' ny mpanompoko sy mahatanteraka ny saina atolotry ny irako, ary manao amin' i Jerosalema hoe: Honenana ianao, sy amin' ny tanànan' ny Joda hoe: Hatsangana ianareo, ka hamboariko izay rava eo, **27** Ary milaza amin' ny rano lalina hoe: Tankina, Fa hataoko tankina ny oninao, **28** Ary milaza an' i Kyrosy hoe: Izy no mpiandry ondriko, ka izay sitrako rehetra dia hotanterahiny; Ary izy hanao amin' i Jerosalema hoe: Hatsangana ianao, ary amin' ny tempoly hoe: Haorina indray ny fanorenanao.

45 Izao no lazain' i Jehovah amin' ny voahosony, dia Kyrosy, izay notantanako tamin' ny tànany ankavanana, mba handreseko firenena eo anoloany sy hamahako ny fehin-kibon' ny mpanjaka, mba hamohako varavarana eo anoloany, ka tsy hirindrina intsony ny vavahady: **2** Handroso eo alohanao Aho ary handravona ny mikitoantoana sy hanorotoro ny varavarana varahina ary hanapatapaka ny hidy vy; **3** Dia homeko anao ny rakitra ao amin' ny maizina sy ny harena nafenina ao amin' ny mangingina, mba hahafantaranao fa Izaho no Jehovah Izay miantso anao amin' ny anaranao, dia Andriamanitry ny Isiraely. **4** Noho ny amin' i Jakoba mpanompoko sy Isiraely voafidiko no niantsoako anao tamin' ny anaranao sy nanomezako anarana malaza ho anao, na dia tsy nahafantatra Ahy aza ianao. **5** Izaho no Jehovah, fa tsy misy hafa: Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho; Izaho efa nampisikina anao, kanefa tsy nahafantatra Ahy ianao, **6** Mba hahafantarana hatrany amin' ny fiposahan' ny masoandro ka hatrany amin' ny filentehany fa tsy misy afa-tsy Izaho: Izaho no Jehovah, fa tsy misy hafa, **7** Dia Izaho Izay mamorona ny mazava sy mahary ny maizina, manao ny fiadanana sy mahary ny loza; Izaho Jehovah no manao izany rehetra izany. **8** Manateteva avy any ambony, ry lanitra, ary aoka ny habakabaka hampilatsaka fahamarinana; Aoka ny tany hisosatra, Ary aoka ho vokatra avy amin' ireo ny famonjena; Ary aoka hitsimoka miaraka amin' izay ny fahamarinana. Izaho Jehovah no efa nahatonga izany. **9** Lozan' izay miady amin' ny namorona azy! Tavim-bilany isan' ny tavim-bilany amin' ny tany ihany ireny! Ny tanimanga va hilaza amin' ny mpanefy azy hoe: Inona no ataonao? Na ny asanao va hanao hoe: Tsy manan-tanana izy? **10** Lozan' izay miteny amin-drainy hoe: Inona no aterakao? Na amin-dreniny hoe: Inona no aloaky ny kibonao? **11** Izao no lazan' i Jehovah ny Iray Masin' ny Isiraely, dia ny namorona azy: Ny amin' ny zavatra ho avy no anontanio Ahy; ary ny zanako sy ny asan' ny tanako dia aoka ho adidiko ihany. **12** Izaho no nanao ny tany sy nahary ny olona eo amboniny; ny tanako ihany no namelatra ny lanitra sy nandahatra ny eny aminy rehetra. **13** Izaho no nanaitra azy io tamin' ny fahamarinana, ary ny lalany rehetra dia haravoko avokoa; izy no hanao ny tanànako, ary ny oloko voababo dia halefany, nefa tsy amim-bola amin-karena, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **14** Izao no lazain' i Jehovah; Ny vokatry ny fisasaran' i Egypta sy ny tombom-barotr' i Etiopia sy ny Sabeana, olona lava tsanganana, hafindra ao aminao, ka ho anao izany; ary hanaraka anao ireo; avy aman-gadra izy ary hiankohoka handady eo anatrehanao, dia hifona aminao hoe: Ato aminao tokoa Andriamanitra; ary tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izy ihany. **15** Marina tokoa fa Hianao dia Andriamanitra miafina, ry Andriamanitry ny Isiraely sady Mpamonjy ô. **16** Ho menatra sy hangaihay izy rehetra; eny, handeha aman-kenatra avokoa ny mpamorona sarin-javatra, **17** Fa ny Isiraely kosa ho voavonjin' i Jehovah Amin' ny famonjena mandrakizay; tsy ho menatra na hangaihay mandrakizay mandrakizay ianareo. **18** Fa izao no lazain' i Jehovah, Izay nahary ny lanitra (Izy no Andriamanitra) sady namorona ny tany sy nahavita azy (Izy no nandamina azy; tsy ho tany tsy misy endrika tsy akory no namoronany azy, fa nataony honenana): Izaho no Jehovah, ary tsy misy hafa. **19** Tsy tao amin' ny mangingina, dia tao amin' ny fitoera-maizina amin' ny tany no nitenenako; Izaho tsy niantso ny taranak' i Jakoba hitady Ahy foana; Izaho Jehovah no miteny ny marina sy manambara ny mahitsy. **20** Mivoria, ka avia, ary miaraha manatona, ianareo jentilisa sisa afaka. Tsy manam-pahalalana izay mitondra ny hazo nataony sarin-javatra voasokitra ka mivavaka amin' izay andriamanitra tsy mahavonjy. **21** Alaharo, ka asehoy mazava; Eny, aoka hiara-misaina izy: Iza no efa nanambara izany hatrizay hatrizay? Iza no efa nilaza izany hatramin' ny fahiny? Tsy Izaho Jehovah va? Fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho, dia Andriamanitra marina sady Mpamonjy; Eny, tsy misy afa-tsy Izaho. **22** Mijere Ahy, dia ho voavonjy ianareo, ry vazan-tany rehetra! Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa. **23** Ny tenako no nianianako, nisy teny efa naloaky ny vavako tamin' ny fahamarinana ka tsy hitsoaka: Izaho no handohalehan' ny lohalika rehetra, sy hianianan' ny lela rehetra hoe: **24** Ao amin' i Jehovah ihany no misy fahamarinana be sy hery, ka izy ihany no hohatonin' ny olona, ary ho menatra izay rehetra tezitra aminy. **25** Ao amin' i Jehovah no hanamarinana ny taranak' Isiraely rehetra sy hananany rehareha.

46 Mangozohozo Bela, efa miraika Nebo, ny sampiny dia nampitondraina ny biby folahina sy ny biby fiompy; Ny zavatra fitondranareo dia asampy ka tonga enta-mavesatra entin' ireo biby reraka. **2** Miraika sy mangozohozo avokoa izy, ka tsy mahavonjy ny entana akory; Fa na dia ny tenany aza dia lasan-ko babo koa. **3** Mihainoa Ahy, ry taranak' i Jakoba sy izay sisa rehetra amin' ny taranak' Isiraely, izay nababena hatrany an-kibo sy nentina hatrany am-bohoka: **4** Na dia mandra-pahantitrareo aza, dia tsy miova Aho, ary mandra-pahafotsy volonareo, dia Izaho ihany no hisahirana mitondra anareo. Izaho no nanao, ka Izaho ihany no hitrotro, eny, izaho no hitondra sy hanafaka.

5 Hampitovinareo amin' iza moa Aho, sy amin' iza no hanoharanareo Ahy ary iza no hataonareo ho tahaka Ahy mba hitahany amiko? **6** Izay mandraraka volamena avy ao an-kitapo sy mandania volafotsy amin' ny mizana dia manakarama mpanefy volamena mba hanao izany ho andriamanitra, hiankohofany sy hivavahany. **7** Dia betainy ho eny an-tsorony iny ka entiny ary apetrany eo amin' ny fitoerany iny, ka dia mitoetra eo; Tsy mahay miala eo amin' ny fitoerany iny; ary na dia misy mitaraina aminy aza, dia tsy mahay mamaly izy, na mahavonjy azy amin' ny fahoriany. **8** Tsarovy izany ka mahereza ianareo eritrereto tsara izany, ry mpiodina. **9** Tsarovy ny zavatra taloha izay efa lasa ela; Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa; Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy tahaka Ahy, **10** Izay manambara ny farany hatramin' ny voalohany, ary nanambara hatramin' ny ela izay tsy mbola natao akory, dia ilay manao hoe: Ho tò ny fikasako, ary hefaiko ny sitrapoko rehetra, **11** Izay miantso vorona mpihaza avy any atsinanana, dia lehilahy avy any an-tany lavitra hahefa ny fikasako; sady efa niteny izany Aho no hahatanteraka azy koa, sady nikasa Aho no hahefa azy. **12** Mihainoa Ahy ianareo madi-po izay lavitra ny fahamarinana: **13** Hampanatoniko ny fahamarinako, ka tsy ho lavitra intsony; ary ny famonjeko tsy hitaredretra; fa hametraka famonjena ao Ziona Aho sy ny voninahitro ho an' ny Isiraely.

47 Mialà, ka mipetraha amin' ny vovoka, ry Babylona, zanakavavy virijina! Mipetraha eo amin' ny tany, fa tsy amin' ny seza fiandrianana, ry Kaldea zanakavavy! Fa tsy hatao hoe vehivavy malemilemy sy mihantahanta intsony ianao. **2** Alao ny vato fikosoham-bary, ka kosohy ny koba; esory ny fisalobonanao, akaro ny moron-tongotr' akanjonao; aoka hiseho ny fenao, ka miroboha mita ny ony. **3** Hiseho ny fitanjahanao, eny, ho hita ny fahamenaranao; hitondra famaliana Aho ka tsy hiantra olona. **4** Ny anaran' ny Mpanavotra anay dia Jehovah, Tompon' ny maro, Iray Masin' ny Isiraely. **5** Mipetraha mangingina, ka midìra ao amin' ny maizina, ry Kaldea zanakavavy! Fa tsy hatao hoe Tompovavin' ny fanjakana intsony ianao. **6** Tezitra tamin' ny oloko Aho; navelako holotoina ny lovako, ka natolotro ho eo an-tananao izy, tsy mba namindranao fo izy, fa na dia ny antitra aza dia nasianao zioga mavesatra dia mavesatra. **7** Ary hoy ianao: Ho tompovavy mandrakizay Aho; ka dia tsy nandatsaka am-po izany zavatra izany ianao, na nitsapa izay hiafarany. **8** Koa mihainoa, ianao izay mihantahanta sady mipetraka tsy manana ahiahy ka manao anakampo hoe: Izaho no izy, ary tsy misy hafa; tsy hipetraka ho mpitondratena aho, na hahita fahafoanan' anaka. **9** Kanjo hanjo anao tampoka amin' ny indray andro monja ireto zavatra roa ireto, dia ny fahafoanan' anaka sy ny fananoan-tena; Hotanterahina aminao avokoa izany, na dia maro aza ny fankatovanao, ary na dia be dia be aza ny odinao. **10** Fa nitoky tamin' ny faharatsianao ianao ka nanao hoe: Tsy misy mahita ahy. Ny fahendrenao sy ny fahalalanao dia nampivily anao, ka dia nanao anakampo ianao hoe: Izaho no izy, fa tsy misy afa-tsy izaho. **11** Kanjo hanjo anao ny fahoriana, nefa tsy ho fantatrao izay fanafany; Ary hahazo anao ny loza, nefa tsy ho hainao ny fanàlany; eny, hanjo anao tampoka ny fandringanana izay tsy ampoizinao. **12** Arosoy ary ny odinao sy ny hamaroan' ny fankatovanao, izay efa nisasaranao hatry ny fony ianao mbola kely; Angamba hahavita izay mahasoa ianao; angamba ho tonga mahatahotra ianao. **13** Sasatra noho ny hamaroan' ny fisainanao ianao; aoka hitsangana ankehitriny ireo mpamantatra ny lanitra sy mpandinika ny kintana ireo hamonjy anao, dia ireo mpanambara isaky ny tsinam-bolana izay zavatra ho tonga aminao. **14** Indro, fa ho tahaka ny vodivary ireo; ho main' ny afo izy ka tsy hahavonjy ny tenany amin' ny herin' ny lelafo akory; tsy misy vainafo hamindroana, na afo hitaninana aza. **15** Ho toy izany aminao ireo efa nisasaranao ireo, dia ireo nifampivarotra taminao hatry ny fony ianao mbola kely; samy hipariaka mandositra ho any amin' ny fonenany avy izy, ka tsy hisy hahavonjy anao.

48 Mihainoa, ry taranak' i Jakoba, dia ianareo izay antsoina amin' ny anaran' Isiraely sy avy amin' ny loharanon' i Joda, ianareo izay mianiana amin' ny anaran' i Jehovah ary mankalaza ny anaran' Andriamanitry ny Isiraely, kanefa tsy araka ny marina, na araka ny hitsiny; **2** Fa milaza ny tenany ho avy amin' ny tanana masìna izy ka miankina amin' Andriamanitry ny Isiraely; Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany. **3** Ny zavatra taloha dia efa voalazako hatramin' ny fahiny, ary naloaky ny vavako izany sady nambarako; Tampoka no nanaovako izany, ary tonga izany. **4** Satria fantatro fa maditra ianao, ka ozaby ny hatokao, ary varahina ny handrinao, **5** Dia nambarako taminao hatramin' ny fahiny izany, eny, fony tsy mbola tonga aza izany, dia efa nambarako taminao rahateo, fandrao hataonao hoe: Ny sampiko no nanao izany, ary ny sarin-javatra voasokitra sy ny sarin-javatra an-idina no nandidy izany. **6** Efa renao, ka dia jereo izany rehetra izany, moa ianareo tsy hanambara izany va? Mampandre anao zava-baovao kosa Aho hatramin' izao, dia zavatra miafina izay tsy fantatrao. **7** Vao izao no namoronana azy, fa tsy hatramin' ny fahiny, ary tsy mbola nandre azy ianao talohan' ny andro anio, fandrao ianao hanao hoe: Indro, ny efa fantatro ihany izany. **8** Fa tsy nandre na nahalala ianao; Eny, hatramin' ny fahiny aza no tsy mbola nisokatra ny sofinao; fa fantatro fa tena mpivadika ianao sady natao hoe mpiodina hatrany an-kibo. **9** Noho ny anarako dia ononiko ny fahatezerako, ary mba hiderana ahy dia manindry fo aminao Aho, mba tsy hamongorana anao. **10** Indro, nodioviko ianao, nefa tsy toy ny volafotsy; Efa nizaha toetra anao tao amin' ny memy fahoriana Aho. **11** Noho ny tenako, eny, noho ny tenako ihany no anaovako izany; indrisy, lotoina ny anarako! Ary ny voninahitro tsy homeko ny hafa. **12** Mihainoa Ahy, ry Jakoba, sy y Isiraely izay nantsoiko: Tsy miova Aho; Izaho no voalohany, ary Izaho koa no farany. **13** Eny, ny tanako no nanorina ny fanambanin' ny tany, ary ny tanako ankavanana no namelatra ny lanitra; Raha antsoiko ireo, dia indray miseho avokoa. **14** Mivoria ianareo rehetra, ka mihainoa: Iza moa amin' ireny no mba efa nanambara izany; ilay tian' i Jehovah no hahefa ny sitrapony amin' i Babylona ary ny

sandriny ho amin' ny Kaldeana. **15** Izaho dia Izaho ihany no miteny sady miantso azy, nitondra azy Aho, ka hambinina ny lalany. **16** Manatona Ahy ianareo, ka mihainoa; hatramin' ny taloha no efa tsy nitenenako tamin' ny mangingina, hatry ny fony vao nisian' ireo dia teo Aho, ary ankehitriny Jehovah Tompo no naniraka Ahy sy ny Fanahiny. **17** Izao no lazain' i Jehovah, Mpanavotra anao, dia ny Iray Masin' ny Isiraely: Izaho, Jehovah Andriamanitrao, no nampianatra anao hahita soa sady mitarika anao amin' ny lalana tokony halehanao. **18** Toy izay anie ianao mba nihaino ny didiko! Dia ho tonga tahaka ny ony ny fiadananao, ary ho tahaka ny onjan-dranomasina ny fahamarinanao, **19** Ary ho tahaka ny fasika ny taranakao, ary ny aloaky ny kibonao ho tahaka ny sombim-pasika; Ny anarany tsy ho tapaka na ho foana eo anatrehako. **20** Mivoaha hiala any Babylona; miezaha avy any amin' ny Kaldeana; torio amin' ny feo mahafaly, ary ambarao, ka aelezo hatrany amin' ny faran' ny tany, lazao hoe: Jehovah efa nanavotra an' i Jakoba mpanompony. **21** Ary tsy nangetaheta ireo tamin' ny nitondrany azy tany an-efitra; Nampiboiboika rano ho azy avy tamin' ny vatolampy Izy, Eny, nampitresaka ny vatolampy Izy, ka dia nigororoana ny rano. **22** Tsy misy fiadanana ho an' ny ratsy fanahy, hoy Jehovah.

49 Mihainoa Ahy, ry nosy, ary atongilano ny sofinareo, ry firenena lavitra; Jehovah efa niantso Ahy hatrany am-bohoka; Hatry ny fony Aho mbola tao an-kibon' ineny no efa nankalazainy ny anarako. **2** Ary nataony tahaka ny sabatra maranitra ny vavako; tao amin' ny aloky ny tànany no nanafenany Ahy. Ary nataony zana-tsipìka voalambolambo tsara Aho; teo amin' ny tranon-jana-tsipìkany no nanafenany Ahy. **3** Ary hoy Izy tamiko: Mpanompoko Hianao, ry Isiraely ô. Izay entiko mampiseho ny voninahitro. **4** Fa hoy kosa Aho: Foana ny nisasarako, zava-poana sy tsinontsinona no nandaniako ny heriko; kanefa ao amin' i Jehovah ny rariny tokony ho Ahy, Ary ny valin' ny asako dia ao amin' Andriamanitro. **5** Ary ankehitriny, hoy Jehovah, Izay namorona Ahy hatrany am-bohoka ho Mpanompony, hampodiana ny Jakoba ho ao aminy indray sy hamoriana ny Isiraely ho ao aminy, (Fa mahazo voninahitra eo imason' i Jehovah Aho, Ary Andriamanitro no heriko), **6** Eny, hoy Izy: Mbola zavatra kely foana, raha tonga Mpanompoko hanandratra ny firenen' i Jakoba Hianao sy hampody ny Isiraely sisa voaro; Fa homeko ho fanazavana ny jentilisa koa Hianao, mba ho famonjeko hatrany amin' ny faran' ny tany. **7** Izao no lazain' i Jehovah, Mpanavotra ny Isiraely, dia ny Iray Masiny, Amin' Ilay hamavoin' ny olona sy halan' ny firenena ka tonga mpanompon' ny mpanapaka: Ny mpanjaka hahita ka hitsangana, ary ny mpanapaka koa, ka dia hiankohoka noho ny amin' i Jehovah, Izay mahatoky dia ny Iray Masin' ny Isiraely, izay efa nifidy Anao. **8** Izao no lazain' i Jehovah: Tamin' ny taona fankasitrahana no nihainoako Anao. Ary tamin' ny andro famonjena no namonjeko Anao; Dia hiaro Anao Aho ka hanome Anao ho fanekena ho an' ny olona, mba hanangana ny tany indray sy hampandova ny lova izay efa rava **9** ka hanao amin' ny mpifatotra hoe: Mivoaha, Ary amin' izay ao amin' ny maizina hoe: Misehoa; hihinana eny an-dalana izy, ary na dia any an-tendrombohitra mangadihady aza dia hisy ahitra ho azy ihany. **10** Tsy ho noana na hangetaheta izy, ary tsy hamely azy ny hainandro migaingaina na ny masoandro; fa Izay mamindra fo aminy no hitarika azy, ary any amin' ny loharano miboiboika no hitondrany azy. **11** Hataoko lalana ny tendrombohitro rehetra, ary hasandratra ny lalambeko. **12** Indreo, tonga avy lavitra ireto; ary, indreo, avy any avaratra sy andrefana ireto, ary avy any amin' ny tany Sinima ireto. **13** Mihobia, ry lanitra! Ary mifalia, ry tany! Ka velomy ny hoby, ry tendrombohitra! Fa Jehovah efa nampionona ny olony sy mamindra fo amin' ny olony mahantra. **14** Fa hoy Ziona' Jehovah efa nahafoy ahy, ary ny Tompoto efa nanadino ahy. **15** Mety manadino ny zanany minono va ny vehivavy ka tsy hamindra fo amin' ny zanaka naloaky ny kibony? Eny, mety manadino ihany izy, Fa Izaho kosa tsy mba manadino anao. **16** Indro, efa vitako tombo-kavatsa eo am-pelatanako ianao, ary ny mandanao dia eo anatrehako mandrakariva. **17** Tamy faingana ny zanakao; Ary izay nanimba sy nandrava anao dia miala aminao. **18** Atopazy manodidina ny masonao, ka mijere; ireo rehetra ireo dia mivory ka mankeo aminao; raha velona koa Aho, hoy Jehovah, Ireo rehetra ireo dia hihaingoanao tokoa tahaka ny firavaka sy hiravahanao tahaka ny fanaon' ny ampakarina. **19** Fa ny taninao rava sy ny fonenanao lao ary ny taninao simba dia tsy ho omby amin' izany noho ny habetsahan' ny mponina, ary ho lasa lavitra ireo nihinana anao. **20** Ny zanakao izay efa lasa teo dia mbola hilaza eo an-tsofinao hoe: Tsy omby ahy loatra ity tany ity, Mikisaha kely mba hitoerako. **21** Dia hanao anakampo ianao hoe: Iza no niteraka ireto ho ahy? Fa efa maty ny zanako, ary nitsaha-jaza aho. Babo aho sady noroahina, koa iza no namelona ireto? Indro, nilaozana ho irery aho, fa taiza kosa moa ireto? **22** Izao no lazain' i Jehovah Tompo; Indro, hanandratra ny tanako amin' ny jentilisa Aho ary hanangana ny fanevako amin' ny firenena; dia hitrotro ny zanakao eo an-tratrany ireo, ary ny zanakaovavy ho entiny eny an-tsorony. **23** Mpanjaka no ho rainao mpitaiza anao, ary zanakavavin' andriana no ho reninao mpampinono anao; hiankohoka amin' ny tany eo anatrehanao izy ka hilelaka ny vovoka amin' ny tongotrao; Dia ho fantatrao fa Izaho no Jehovah, ka tsy ho menatra izay miandry Ahy. **24** Azo alaina eny amin' ny mahery va ny sambotra? Na ho afaka va ny babo marina? **25** Nefa izao no lazain' i Jehovah: Na dia ny sambotry ny mahery aza dia halaina ihany, ary ho afaka ny babon' ny mpandrombaka; fa Izaho no hiady amin' izay miady aminao, ary Izaho no hamonjy ny zanakao. **26** Sady hampihinaniko ny nofon' ny tenany ihany izay mampahory anao, ary ho leon' ny ran' ny tenany ihany ireny, toy ny amin' ny ranom-boaloboka; dia ho fantatry ny nofo rehetra fa Izaho Jehovah no Mpamonjy anao, ary Ilay Maherin' i Jakoba no Mpanavotra anao.

50 Izao no lazain' i Jehovah: Aiza izay taratasy fisaoram-bady nisaorako an-dreninareo? Ary iza amin' izay manan-trosa amiko no nivarotako anareo? Tsia, fa noho ny helokareo ihany no nivarotana anareo, ary noho ny

fahadisoanareo ihany no nisaorana an-dreninareo. **2** Nahoana no tsy nisy olona, fony tonga Aho, ary tsy nisy namaly, fony niantso Aho? Moa fohy tokoa va ny tanako ka tsy mahavonjy, ary moa tsy manan-kery ho enti-manafaka va Aho? Indro, amin' ny teny mafy ataoko no andritako ny ranomasina sy anaovako ny ony ho efitra; ary maimbo ny hazandranony noho ny tsi-fisian' ny rano sady matin-ketaheta. **3** Tafiako fahamaintisana ny lanitra, ary lamba fisaonana no ataoko fisaronany. **4** Jehovah Tompo nanome Ahy ny lelan' ny efa mahay, mba hahaizako manao teny hampahatanjaka izay reraka; ampandrenesiny isa-maraina isa-maraina, eny, ampandrenesiny ny sofiko hihaino tahaka ny efa mahay **5** Jehovah Tompo nanokatra ny sofiko, ary Izaho tsy naditra na nihemotra. **6** Ny lamosiko natolotro ho amin' ny mpikapoka, ary ny takolako ho amin' izay manongobaoka; ny tavako tsy nafeniko tamin' ny henatra sy ny rora. **7** Fa Jehovah Tompo no hamonjy Ahy, ka dia tsy resin-kenatra Aho; Ary efa nohamafisiko ho tahaka ny afovato ny tavako, ka fantatro fa tsy ho menatra Aho. **8** Efa akaiky Izay manamarina Ahy: Iza no hiady amiko? Andeha hiara-mitsangana isika; iza no manana ady amiko? Aoka izy ho avy amiko. **9** Indro, Jehovah Tompo no hamonjy ahy; koa iza no hanameloka ahy? Indro, izy rehetra ho tonga tahaka ny lamba mangarahara, ho lanin' ny kalalao izy. **10** Iza aminareo no matahotra an' i Jehovah ka mihaino ny feon' ny Mpanompony? Na iza na iza mandeha amin' ny maizina ka tsy manana fahazavana, aoka izy hatoky ny anaran' i Jehovah sy hiankina amin' Andriamaniny. **11** He! ianareo rehetra izay mampirehitra afo sy mifehy kilalaon' afo manodidina anareo, mandehana amin' ny lelafonareo sy amin' ny zana-tsipika misy afo, izay narehitrareo. Izao no hanjo anareo avy amin' ny tanako: Handry amin' ny fahoriana ianareo.

51 Mihanoa Ahy, ianareo izay miezaka mitady fahamarinana, dia izay mitady an' i Jehovah: Tsarovy ny vatolampy izay nakana anareo sy ny ati-lavaka izay nihadiana anareo. **2** Eny, tsarovy Abrahama rainareo sy Saraha, izay niteraka anareo; fa fony mbola tokana izy, dia nantsoiko sy notahiko ary nohamaroiko. **3** Fa Jehovah mampionona an' i Ziona; Eny, mampionona izay rava rehetra ao Izy Ka manao ny efitra ao ho tahaka an' i Edena. Ary ny tany foana ao ho tahaka ny sahan' i Jehovah; Hafaliana sy haravoana no hita ao mbamin' ny fisaorana sy ny feo fiderana. **4** Mihainea Ahy, ry vahoakako, ary atongilano amiko ny sofinareo, ry oloko; fa hisy lalàna hivoaka avy amiko, ary ny fitsipiko dia hampitoeriko ho fanazavana ny firenena. **5** Akaiky ny fahamarinako, efa nivoaka ny famonjeko, ary ny sandriko no hitsara ny firenena; izaho no hantenain' ny nosy, ary ny sandriko no andrasany. **6** Andrandrao ho amin' ny lanitra ny masonareo, ary jereo ny tany ambany; fa ny lanitra ho levona tahaka ny setroka, ary tany ho tahaky ny lamba mangarahara, ary ny mponina ao dia ho faty tampoka; fa ny famonjena kosa haharitra mandrakizay, ary ny fahamarinako tsy mba ho rava. **7** Mihainoa ahy, ianareo izay mahalala ny fahamarinana, dia ianao, ry firenena izay manana ny lalàko ao am-ponao; aza matahotra ny latsa ataon' ny zanak' olombelona, na manahy noho ny faharatsiany. **8** Fa ny kalalao hihinana azy tahaka ny fihinan-damba, ary lolo fotsy hihinana azy tahaka ny fihinam-bolon' ondry; fa ny fahamarinako haharitra mandrakizay, ary famonjena hihatra amin' ny taranaka fara-mandimby. **9** Mifohaza, mifohaza, ry sandrin' i Jehovah, mitafia hery! Mifohaza tahaka ny tamin' ny andro fahiny! dia tamin' ny taranaka lasa ela. Tsy Hianao va Ilay nitetitetika an-dRahaba sy nitomboka ny dragona? **10** Tsy Hianao va Ilay nahamaina ny ranomasina, dia ny rano ao amin' ny lalina indrindra, ka nanao ny ranomasina lalina ho lalana halehan' ny navotana? **11** Eny, ny navotan' i Jehovah hiverina ka hankany Ziona amin' ny fihobiana, ary ny fifaliana mandrakizay no ho eny an-dohany; hahazo fifaliana mandrakizay no ho eny an-dohany; hahazo fifaliana faharavoravoana izy, ka dia handositra ny alahelo sy ny fisentoana. **12** Izaho dia Izaho no mpampionona anareo, koa nahoana ianao no dia matahotra ny zanak' olombelona mety maty sy ny zanak' olona hatao tahaka ny ahitra **13** ka manadino an' i Jehovah, Mpanao anao, izay namelatra ny lanitra sy nanorina ny tany, sady matahotra lalandava mandritra ny andro ianao noho ny fahatezeran' ny mpampahory, raha mikendry hamono izy? Fa aiza intsony izay fahatezeran' ny mpampahory? **14** Izay mitanondrika dia ho afaka faingana; Tsy ho faty havarina ao an-davaka izy ary tsy ho diso hanina. **15** Fa Izaho Jehovah no Andriamanitrao, Izay mampanonja ny ranomasina, ka dia mirohondrohona ny onjany; Jehovah, Tompon' ny maro, no anarako. **16** Ary nataoko eo am-bavanao ny teniko, ary ao amin' ny aloky ny tanako no nanaronako anao, hanao ny lanitra sy hanorina ny tany Aho ary hanao an' i Ziona hoe: Oloko ianao. **17** Mifohaza, mifohaza, mitsangana, ry Jerosalema ô, izay efa nisotro ny kapoaky ny fahatezerana avy tamin' ny tànan' i Jehovah; eny, ny kapoaka gobilia mampiraikiraiky dia efa nisotroanao, ka notrohinao mbamin' ny faikany. **18** Tsy misy mitondra azy ny zananilahy rehetra izay naterany; ary tsy misy mitantana azy ny zananilahy rehetra izay notezainy. **19** Izao zavatra roa Izao no hanjo anao (Iza no hanony ny alahelonao?): Fandravana sy fandringanana ary mosary sy sabatra, koa hataoko ahoana no fampionona anao? **20** Ny zanakao-lahy efa reraka, ka miapokapoka eny an-joron-dalambe rehetra eny izy, tahaka ny diera ao anatin' ny fandrika harato eny, tahaka ny olona rakotry ny fahatezeran' i Jehovah sy ny teny mafy ataon' Andriamanitrao. **21** Koa mihainoa izao, ianao ry ilay ory sady mamo tsy amin-divay: **22** Izao no lazain' i Jehovah Tomponao, dia Andriamanitrao, Izay mandaha-teny ho an' ny olony: Indro, esoriko eny an-tananao ny kapoaka mampiraikiraiky, dia ny kapoaka gobilian' ny fahatezerako; Tsy hisotroanao intsony iny, **23** Fa hataoko eo an-tànan' izay mampahory anao kosa, dia izay efa nilaza taminao hoe: Miankohofa mba hohitsahinay, ka dia nataonao ho tahaka ny tany ny tenanao sy ho tahaka ny lalambe ho an' izay mandeha eo.

52 Mifohaza, mifohaza, tafio ny herinao, ry Ziona ô; tafio ny fitafianao tsara tarehy, ry Jerosalema ô,

tanàna masìna; fa tsy hiditra any aminao intsony ny tsy voafora sy ny maloto. **2** Ahintsano ny vovoka hiala amin' ny tenanao, ka mitsangàna, ary mipetraha, ry Jerosalema ô; vahao ny fatorana amin' ny tendanao, ry Ziona, zanakavavy babo. **3** Fa izao no lazain' i Jehovah: Tsy vola tsy harena no nivarotana anareo, ka dia tsy vola tsy harena koa no hanavotana anareo. **4** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tany Egypta no nidinan' ny oloko tamin' ny voalohany mba hivahiny tany; Ary ny Asyriana koa nampahory azy tsy ahoan-tsy ahoana. **5** Ary ankehitriny inona no hataoko eto? hoy Jehovah, fa nobaboina tsy ahoan-tsy ahoana ny oloko; ny mpanapaka azy dia manakora, hoy Jehovah; ary mandrakariva dia hamavoina mandritra ny andro ny anarako. **6** Koa ny oloko dia hahalala ny anarako; Eny, amin' izany andro izany dia ho fantany fa Izaho no miteny hoe: Inty Aho. **7** Akory ny hatsaran' ny tongotr' iry mitondra teny soa mahafaly erỳ an-tendrombohitra sady mitory fiadanana! Dia izay mitondra teny soa mahafaly sady mitory famonjena, eny, izay manao amin' i Ziona hoe: Mpanjaka Andriamanitrao! **8** Injany ny feon' ny mpitilinao! Manandratra ny feony izy ka miara-mihoby; fa ho faly izy mahita mifanatri-maso ny hodian' i Jehovah ho any Ziona. **9** Velomy ny hoby, ry fitoeran-drava any Jerosalema; Fa Jehovah efa nampionona ny olony sady efa nanavotra an' i Jerosalema. **10** Jehovah efa nampiseho ny sandriny masìna teo imason' ny firenena rehetra; ary ny faran' ny tany rehetra hahita ny famonjen' Andriamanitsika. **11** Mialà, mialà ianareo, mivoaha, aza mikasika izay maloto, mivoaha avy eo aminy; madiova, ianareo izay mitondra ny fanak' i Jehovah. **12** Fa tsy tampoka no hivoahanareo, ary tsy lositra no handehananareo; fa Jehovah no hitarika anareo eo aloha, ary Andriamanitry ny Isiraely no ho vodi-lalanareo. **13** Indro, ny Mpanompoko ho hita ho hendry, hisandratra sy ho ambony Izy ka ho avo indrindra. **14** Fa toy ny nigagan' ny maro Anao (Ny tarehiny dia simba ka hoatra ny tsy tarehin' olombelona akory, ary ny endriny hoatra ny tsy endriky ny zanak' olombelona), **15** Dia toy izany no hampihendratrendratany ny firenena maro; ny mpanjaka hitampim-bava aminy; fa izay tsy mbola nolazaina tamin' ireny no ho hitany, ary izay tsy mbola reny akory no hosaintsaininy.

53 Iza no nino ny teny nampitondraina anay? Ary iza no nampisehoana ny sandrin' i Jehovah? **2** Fa naniry teo anatrehany tahaka ny zana-kazo madinika Izy sy tahaka ny solofon-kazo amin' ny tany karankaina; tsy nanana endrika na fahatsaran-tarehy Izy; Ary raha nijery Azy isika, dia tsy nisy hatsaran-tarehy haniriantsika Azy. **3** Natao tsinontsinona sy nolavin' ny olona Izy; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana, Ary tahaka izay tsy tian' ny olon-kojerena akory Izy; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika. **4** Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika; kanjo isika kosa nanao azy ho nokapohina sy nasian' Andriamanitra ary nampahorina. **5** Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika. **6** Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin' ny lalantsika avy isika rehetra; ary nataon' i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra. **7** Nampahorina Izy, nefa nanetry tena ka tsy niloa-bava, dia tahaka ny zanak' ondry entina hovonoina, sy tahaka ny ondrivavy izay moana eo anatrehan' ny mpanety azy, eny, tsy niloa-bava Izy. **8** Ny fampahoriana sy ny fitsarana no nenti-nanaisotra Azy; ary iza tamin' ny niara-belona taminy no nihevitra fa nofongorana niala tamin' ny tanin' ny velona Izy, ka ny fahadisoan' ny oloko no nikapohana Azy? **9** Ary nokasaina hatao tao amin' ny olo-meloka ny fasany (Nefa teo amin' ny mpanankarena Izy, rehefa novonoina), na dia tsy nanao ratsy aza Izy, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany. **10** Nefa sitrak' i Jehovah ny hanorotoro sy hampangirifiry Azy; Rehefa manolotra fanati-panonerana Izy, dia hahita taranaka sady ho maro andro, ary ny sitrapon' i Jehovah dia hambinina eo an-tànany. **11** Noho ny fisasaran' ny fanahiny dia hahita izany Izy ka ho afa-po; Ny fahalalana Azy no hanamarinan' ny Mpanompoko marina ny olona maro, ary Izy no hivesatra ny helok' ireo. **12** Koa dia hanome Azy anjara amin' ny lehibe Aho, ary hizara babo amin' ny mahery Izy; Satria naidiny ho amin' ny fahafatesana ny ainy, Ary natao ho isan' ny mpanota Izy; Eny, Izy no nitondra ny fahotan' ny maro sady manao fifonana ho an' ny mpanota.

54 Mihobia, ry momba, ianao izay tsy niteraka, eny, velomy ny hoby, ka manandrata feo, ianao izay tsy mba nihetsi-jaza; fa ny zanaky ny mpitondra tena dia maro noho ny zanaky ny manambady, hoy Jehovah. **2** Halalaho ny itoeran' ny lainao, ary aoka hohenjanina ny ambain-dainao, ka aza avela hisy hiketrona; halavao ny kofehinao, ary aoreno mafy ny tsima-dainao; **3** Fa hitatra any amin' ny ankavanana sy any amin' ny ankavia ianao, ary ny taranakao hahazo ny jentilisa, ka dia hasiany mponina ny tanàna lao. **4** Aza matahotra, fa tsy ho menatra ianao; ary aza mangaihay, fa tsy havela ho afa-baraka ianao; fa ho hadinonao ny henatry ny fahatanoranao, ary tsy ho tsaroanao intsony ny tondromasonao fony mpitondratena. **5** Fa ny Mpanao anao no Vadinao, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany; Ary ny Iray Masin' ny Isiraely no Mpanavotra anao, Andriamanitry ny tany rehetra no anarany. **6** Fa Jehovah efa nampody anao, izay tahaka ny vady efa nafoy ka ory am-panahy, ary tahaka ny vady efa novadina hatry ny fony mbola tanora, fa efa napetraka, hoy Andriamanitrao. **7** Indray mipi-maso monja no nahafoizako anao; fa amin' ny indrafo lehibe kosa no ampodiako anao. **8** Tamin' ny firehetan' ny fahatezerako no nanafenako ny tavako taminao indray mipi-maso monja, fa amin' ny famindram-po mandrakizay kosa no amindrako fo aminao, hoy Jehovah, Mpanavotra anao. **9** Fa amiko izany dia tahaka ilay ranon' i Noa, ka toy ny nianianako fa tsy hanafotra ny tany intsony ilay ranon' i Noa. Dia toy izany no ianianako fa tsy ho tezitra aminao na hiteny mafy anao intsony Aho. **10** Fa na dia hifindra aza ny tendrombohitra ary na dia hihetsika aza ny havoana, tsy mba hiala aminao ny famindram-peko, ary tsy hitsoaka ny faneken' ny fihavanako, hoy Jehovah,

Mpamindra fo aminao. **11** Hianao, ry ory izay afotofoton' ny tafiodrivotra sady tsy manana fampiononana, indro, Izaho handatsaka ny vatonao amin' ny antimony sy hanorina ny fanambaninao amin' ny safira, **12** Hataoko robina ny tilikambo madinikao, sy karbonkolo ny vavahadinao, ary vato soa ny faritaninao manodidina. **13** Ary ny zanakao rehetra dia ho samy efa nampianarin' i Jehovah, ka dia ho be ny fiadanan' ny zanakao. **14** Amin' ny fahamarinana no hampiorenana anao; aza manahy ny fampahoriana, fa tsy hatahotra ianao, na ny fampahatahorana, fa tsy hanakaiky anao izany. **15** Na dia misy miara-mioko aza, dia tsy avy amiko izany; ary na iza na iza miara-mioko hamely anao dia ho tonga hiandany aminao kosa. **16** Indro, Izaho no nahary ny mpanefy izay mifofotra ny afo amin' ny arina ka mahavita fiasana hanaovany ny asany; Ary Izaho koa no nahary ny mpandringana mba handringana. **17** Ny fiadiana rehetra izay voaforona hamelezana anao dia tsy hisy hambinina, ary ny lela rehetra izay miady aminao dia horesenao lahatra. Izany no lovan' ny mpanompon' i Jehovah sy fahamarinany avy amiko, hoy Jehovah.

55 He! ianareo rehetra izay mangetaheta, mankanesa amin' ny rano! Ary ianareo izay tsy manam-bola, avia, mividia, ka homàna! Eny, avia, mividia divay sy ronono, nefa tsy amim-bola, na amin-karena. **2** Nahoana ianareo no mandany vola amin' izay tsy hanina, ary ny vokatry ny fisasaranareo amin' izay tsy mahavoky? Mihainoa dia mihainoa Ahy, ka hano izay tsara, dia aoka hiravoravo amin' ny matavy ny fanahinareo. **3** Atongilano ny sofinareo, ka mankanesa atỳ amiko, mihainoa, dia ho velombelona ny fanahinareo; ary hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho, dia ny famindram-po mahatoky nampanantenaina an' i Davida. **4** Indro, nataoko vavolombelona ho an' ny firenena Izy, ho mpanapaka sy komandy amin' ny firenena. **5** Indro, firenena izay tsy fantatrao no hantsoinao, ary firenena izay tsy nahalala Anao no hihazakazaka ho aminao noho ny amin' i Jehovah Andriamanitrao, sy ny Iray Masin' ny Isiraely, fa nomeny voninahitra Hianao. **6** Mitadiava an' i Jehovah, dieny mbola hita Izy, Miantsoa Azy, dieny mbola akaiky Izy. **7** Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny lalany, ary ny tsy marina hahafoy ny heviny; ary aoka hiverina ho amin' i Jehovah ireny, fa hamindra fo aminy Izy, Eny, ho amin' Andriamanitsika, fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy. **8** Fa ny fihevitro tsy fihevitrareo ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako, hoy Jehovah. **9** Fa tahaka ny hahavon' ny lanitra noho ny tany no hahavon' ny lalako noho ny lalanareo sy ny fihevitro noho ny fihevitrareo. **10** Fa toy ny ranonorana sy ny oram-panala milatsaka avy any an-danitra ka tsy miverina any raha tsy efa nahavonto ny tany ka nampaniry sy nampahavokatra azy, mba hahatonga voa ho an' ny mpamafy sy hanina ho an' ny mpihinana, **11** Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin' izay ampandehanako azy. **12** Fa amin' ny fifaliana no hivoahanareo, ary amin' ny fiadanana no hitondrana anareo; ny tendrombohitra sy ny havoana hahavelona hoby eo alohanareo, ary ny hazo rehetra any an-tsaha hitehatanana. **13** Ny hazo kypreso haniry ho solon' ny tsilo, ary ny rotra ho solon' ny sampivato; ary ho anarana ho an' i Jehovah izany, dia ho famantarana mandrakizay izay tsy hesorina.

56 Izao no lazain' i Jehovah: Tandremo ny rariny, ary manaova ny marina, fa efa madiva ho tonga ny famonjeko, ary efa hiseho ny fahamarinako. **2** Sambatra ny zanak' olombelona izay manao izany, ary ny zanak' olona izay mitana izany, dia izay mitandrina ny Sabata ka tsy manao azy ho tsy masìna sady miaro ny tanany tsy hanao izay ratsy akory. **3** Ary aoka ny hafa firenena izay efa manaiky ho an' i Jehovah tsy hanao hoe: Hesorin' i Jehovah tsy ho isan' ny olony tokoa aho; Ary aoka ny ionoka tsy hanao hoe: Indro, hazo maina aho. **4** Fa izao no lazain' i Jehovah: Ny amin' ny ionoka izay mitandrina ny Sabatako sy mifidy izay sitrako ary mitana ny fanekeko, **5** Dia hanaovako fahatsiarovana sy anarana ao an-tranoko sy ao anatin' ny mandako izy, izay tsara lavitra noho ny an' ny zanakalahy sy ny zanakavavy; dia anarana mandrakizay izay tsy hesorina no homeko azy. **6** Ary ny hafa firenena izay efa manaiky ho an' i Jehovah mba hanompo Azy sy ho tia ny anaran' i Jehovah mba ho mpanompony dia izay rehetra mitandrina ny Sabata ka tsy manao azy ho tsy masìna sady mitana ny fanekeko **7** Dia ho entiko ho any an-tendrombohitro masìna, ka hampifaliko ao an-tranoko fivavahana; ny fanatitra dorany sy ny fanatitra hafa alatsa-drà dia hankasitrahana eo ambonin' ny alitarako, fa ny tranoko hatao hoe trano fivavahana ho an' ny firenena rehetra. **8** Izao no lazain' i Jehovah Tompo, Izay mamory ny Isiraely voaroaka: Mbola hamory ny sasany koa ho eo aminy Aho, hanampy izay efa voavory eo aminy. **9** He, ianareo bibi-dia rehetra! Avia hihinana, ianareo biby rehetra any an' ala. **10** Jamba ny mpitiliny, samy tsy mahalala izy rehetra, amboa moana avokoa, izy rehetra, ka tsy mahavovo, manonofy izy, eny, mandry ka torimaso. **11** Lian-kanina ireny amboa ireny; ka tsy mahalala voky, sady mpiandry tsy mahafantatra ireny; samy efa nivily ho amin' ny lalany avy izy rehetra, samy mankamin' ny filàny harena avokoa izy rehetra. **12** Avia, ianareo, hoy ireny fa haka divay aho, ary aoka hiboboka toaka isika; ary rahampitso dia ho tahaka ny anio ihany, eny, hanoatra lavitra aza

57 Maty ny marina, nefa tsy misy misaina izany, ary alaina ny olona tsara fanahy, nefa tsy misy mihevitra fa ny marina dia alaina tsy ho azon' ny loza hanjo. **2** Miditra amin' ny fiadanana izy, mandry amin' ny fandriany avy izy, dia izay rehetra mizotra amin' ny hitsiny. **3** Fa ianareo kosa dia mankanesa etỳ, ry zanaky ny mpanandro, ianareo taranaky ny mpaka vadin' olona sy ny mpijangajanga. **4** Iza no ihomehezanareo? Iza no isanasananareo vava sy itrangatranganareo lela? Tsy taranaky ny fiodinana va ianareo sady taranaky ny lainga? **5** Dia ianareo izay mahamaimay ny fonareo amin' ny hazo terebinta eny ambanin' ny hazo maitso rehetra, ka mamono zaza eny an-dohasahan-driaka eny ambanin' ny tsefatsefaky ny harambato. **6** Ao amin' ny vato kilonjy any an-dohasahan-driaka no anjaranao, eny, ireny ihany no anjaranao; ireny

koa no nanidinanao fanatitra aidina sy nanateranao fanatitra hohanina. Hahatsindry fo amin' izany va Aho? **7** Teo an-tampon' ny tendrombohitra avo sy manerinerina no nametrahanao ny fandrianao, ka tany no niakaranao hamono zavatra natao fanatitra. **8** Teo ivohon' ny varavarana sy ny tolam-baravarana no nametrahanao ny fampahatsiarovana anao; fa lavitra Ahy no nitanjahanao sy niakaranao, eny, nataonao malalaka ny fandrianao, ary nanao fanekena ny amin' izay hataon' ireny ianao; tia ny fandriana aminy ianao ka nizaha toerana ho anao. **9** Dia nivezivezy nankany amin' ny mpanjaka ianao nitondra diloilo, ary nataonao betsaka ny zava-manitrao, sady nampandehanina hatrany lavitra any ny irakao, ka nidina hatrany amin' ny fiainan-tsi-hita ianao. **(Sheol h7585)** **10** Noho ny halavitry ny nalehanao dia sasatra ianao, nefa ianao tsy niteny hoe: kivy aho izany! Nahazo aina ny tananao, ka dia tsy nahatsiaro reraka ianao. **11** Ary iza no nahinao sy natahoranao, no dia nandainga ianao ka tsy nahatsiaro ahy na nandatsaka am-po? Moa tsy efa nangina va Aho hatrizay hatrizay? Ka dia tsy natahotra Ahy ianao. **12** Izaho no hanambara ny fahamarinanao ary ny asanao dia tsy hahasoa anao. **13** Raha mitaraina ianao, dia aoka ireo maronao no hamonjy anao, nefa hongahan' ny rivotra avokoa ireo sy ho lasan' ny tso-drivotra malemilemy aza; Fa izay mialoka amiko kosa no hanana ny tany sy handova ny tendrombohitro masìna. **14** Ary Izy hilaza hoe: Manandrata, eny, manandrata ka manamboara lalana, esory izay mahatafintohina eny amin' ny alehan' ny oloko. **15** Fa izao no lazain' ny Iray avo sy manerinerina, izay monina mandrakizay, masìna no anarany: Ao amin' ny fitoerana avo sy masìna no onenako, ary ao amin' ny torotoro fo sy ny manetry tena, hamelombelona ny fanahin' ny manetry tena sy hamelombelona ny fon' ny torotoro fo; **16** Fa tsy hifandahatra mandrakariva Aho ary tsy ho tezitra mandrakizay; Fandrao ho reraka eo anatrehako ny fanahy, dia ny aina izay nataoko. **17** Ny helony noho ny fieremany no nahatezitra Ahy ka namelezako azy; fa niery Aho, satria tezitra, nefa niodina izy ka mbola nandroso tamin' ny lalana tian' ny fony ihany. **18** Efa nahita ny lalany Aho, nefa hahasitrana azy ihany, dia hitari-dalana azy Aho ka hampody ny fiononana ho aminy sy ho amin' ny malahelo ao aminy, **19** Dia Izaho Izay mahary ny vokatry ny molotra: Fiadanana, fiadanana ho an' izay lavitra sy ho an' izay akaiky! hoy Jehovah, ka dia hahasitrana azy Aho. **20** Fa ny ratsy fanahy dia tahaka ny ranomasina misamboaravoara, eny, tsy mety tafatoetra izy, ka ny ranony dia mamoaka loto sy fotaka. **21** Tsy misy fiadanana ho an' ny ratsy fanahy, hoy Andriamanitro.

58 Ezaho ny fiantsonao, fa aza atao malemy, Asandrato ny feonao ho tahaka ny an' ny anjomara, ka ambarao amin' ny oloko ny fahadisoany Ary amin' ny taranak' i Jakoba ny fahotany; **2** Nefa Izaho mbola tadiaviny ihany isan' andro isan' andro, ary ny hahalala ny lalako no sitrany. Tahaka ny firenena efa nanao ny marina ka tsy nahafoy ny fitsipik' Andriamaniny no fanontaniany amiko ny fitsipiky ny fahamarinana, sy aniriany ny hihavian' Andriamanitra. **3** Nahoana izahay no mifady, hoy izy, nefa tsy hitanao? Ary nahoana izahay no mampahory ny tenanay, nefa tsy ahoanao? Indro fa amin' ny andro fifadianareo aza dia mbola ny tianareo ihany no ataonareo, ary ny mpiasa rehetra ao aminareo dia ampahorinareo. **4** Indro, ny hiady sy ny hifanditra no anton' ny ifadianareo ary ny hamely amin' ny totohondrin' ny faharatsiana; Izao fifadianareo izao dia tsy andrenesana ny feonareo any amin' ny avo. **5** Moa fifadiana toy izany va no ankasitrahako? Dia andro hampahorian' ny olona tena? Ny hampiondrika ny lohany tahaka ny zozoro sy ny hamelatra lamba fisaonana rarahan-davenona ho fandriany, moa izany va no ataonao hoe fifadiana sy andro ankasitrahan' i Jehovah? **6** Tsy izao va no fifadiana izay ankasitrahako: Dia ny hamaha ny famatoran' ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin' ny zioga, sy handefa ny ampahorina ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra? **7** Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an' ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka, ka tsy hihirim-belona amin' ny namanao ianao? **8** Fa raha izany, dia hiposaka tahaka ny fahazavan' ny maraina ny fahazavanao, ary ho tonga faingana ny fahasitrananao; ny fahamarinanao ho loha-lalanao, ary ny voninahitr' i Jehovah ho vodi-lalanao **9** Ary amin' izany dia hiantso ianao, ary Jehovah hamaly; Eny, hanandratra ny feonao ianao, ary Izy hanao hoe: Inty Aho. Raha esorinao tsy ho eo aminao ny zioga sy ny fanondroan' ny fanondro sy ny fitenenan-dratsy, **10** Ary afoinao ho an' ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory ianao, dia hiposaka ao amin' ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana; **11** Ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva sady hahavoky ny fanahinao ao amin' ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao; dia ho tahaka ny saha vonton-drano ianao sy ho tahaka ny loharanao miboiboika izay tsy mety ritra. **12** Ary izay taranakao no hanangana ny efa rava ela, ary ny naorina hatry ny fony fahagola no hamboarinao; ary ianao dia hatao hoe mpamboatra ny rava, mpamelon-dalana honenana amin' ny tany. **13** Raha miaro ny tongotrao amin' ny Sabata ianao ka tsy manao izay tianao amin' ny androko masìna, ary manao ny Sabata hoe Fahafinaretana, ary ny nohamasinin' i Jehovah hoe mendrika hohajaina, ka manome voninahitra azy ary tsy mandeha amin' ny lalanao, na manao izay tianao, na miteniteny foana, **14** Dia hiravoravo amin' i Jehovah ianao, ary hasandratro ao amin' ny havoana amin' ny tany ianao, sy hofahanako amin' ny lovan' i Jakoba rainao; Fa ny vavan' i Jehovah no efa niteny.

59 Indro, ny tànan' i Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare; **2** Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin' Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy. **3** Fa ny tananareo dia voaloto amin' ny rà, ary ny rantsan-tananareo amin' ny heloka; ny molotrareo miteny lainga, ny lelanareo mibedibedy faharatsiana. **4** Tsy misy mitory olona araka ny fahamarinana, na mandahatra ny rariny araka izay mahatoky; matoky ny tsy izy sy miteny zava-poana izy;

Torontoronina fampahoriana izy ka miteraka fandozana. **5** Mikotrika ny atodin' ny menarana izy ary manenona ny tranon-kala; Izay homana ny atodin' ireny dia ho faty, fa raha poritra iny, dia menarana no miporitsaka avy ao. **6** Ny tranon-kalany tsy azo atao fitafiana, ary ny asany tsy mahatafy azy; ny asany dia asa fampahoriana, ary asandoza no eo an-tànany. **7** Ny tongony miriotra ho amin' ny ratsy sy mimaona handatsaka rà marina; ny fisainany dia fisainana fampahoriana, fandravana sy fandringanana no eo amin' ny alehany. **8** Ny lalan' ny fiadanana tsy fantany; ary tsy misy rariny ao amin' ny alehany; lalana miolakolaka ny lalany, ka na iza na iza mandia izany dia tsy mahita fiadanana. **9** Ary noho izany dia lavitra antsika ny rariny, ary ny fahamarinana tsy mahatratra antsika; miandry ny mazava isika, nefa indro ny maizina, ary fahazavana, fa mbola ao amin' ny aizim-pito ihany no andehanantsika. **10** Mitsapatsapa manara-drindrina tahaka ny jamba isika eny, mitsapatsapa tahaka ny tsy manamaso; tafintohina amin' ny mitataovovonana tahaka ny amin' ny maizimaizina isika, ary eo amin' ny matanjaka dia tahaka ny maty isika. **11** Isika rehetra mampierona tahaka ny bera ary mitoloko tokoa tahaka ny voromailala; miandry ny rariny isika, nefa tsy misy, ary ny famonjena, nefa lavitra antsika izany. **12** Fa efa betsaka eo anatrehanao ny fiodinanay, ary ny fahotanay miampanga anay; eny, tsaroanay ny fahadisoanay, ary ny helokay dia fantatray, **13** Dia ny miodina sy ny mandà an' i Jehovah, ary ny miala amin' ny fanarahana an' Andriamanitray, ny miteny fampahoriana sy fikomiana, ary ny mamorona sy mamoaka teny lainga avy ao am-po. **14** Nahemotra ny rariny, ary mijanon-davitra ny hitsiny; fa tafintohina eny an-kalalahana ny fahamarinana, ary ny hitsim-po tsy mahazo miditra. **15** Eny, tsy eo ny fahamarinana; ary izay mifady ny ratsy dia hoatra ny manolo-tena hobabom' ny sasany. Ary hitan' i Jehovah ny tsi-fisian' ny rariny, ka nataony fa ratsy izany; **16** Eny, hitany fa tsy nisy olona, sady talanjona Izy, satria tsy nisy mpanalalana, ka dia ny sandriny ihany no nanao famonjena ho Azy, ary ny fahamarinany no nanohana Azy. **17** Niakanjo fahamarinana tahaka ny akanjo fiarovan-tratra Izy, ary fiarovan-doha famonjena no teo amin' ny lohany; ary niakanjo ny akanjo famaliana Izy eny, nandray ny fahasaro-piaro ho akanjo ivelany Izy. **18** Araka ny asa natao no hamaliany, dia fahatezerana mirehitra ho an' ny fahavalony, famaliana ho an' ny rafiny; ary ny nosy dia hovaliany tokoa. **19** Ary hatrany andrefana dia hatahotra ny anaran' i Jehovah ny olona ary ny voninahiny hatramin' ny fiposahan' ny masoandro; ary ny fihaviny dia ho toy ny rano maria, Ampandehanin' ny Fanahin' i Jehovah. **20** Dia hisy Mpanavotra ho tonga any Ziona, Ho amin' ny Jakoba izay miala amin' ny fahadisoana, hoy Jehovah. **21** Raha Izaho, dia izao no fanekeko aminy, hoy Jehovah: Ny Fanahiko Izay ao aminao sy ny teniko izay nataoko teo ambavanao dia tsy hiala amin' ny vavanao, na amin' ny vavan' ny taranakao, na amin' ny vavan' ny taranaky ny taranakao, hatramin' izao ka ho mandrakizay, hoy Jehovah.

60 Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr' i Jehovah efa miposaka aminao. **2** Fa, indro, ny aizina manarona ny tany, ary ny aizim-pito manarona ny firenena; fa aminao kosa no iposahan' i Jehovah, ary aminao no isehoan' ny voninahiny. **3** Ary ny firenena manatona ny fahazavanao, ary ny mpanjaka mankeo amin' ny famirapiratan' ny fiposahanao. **4** Atopazy manodidina ny masonao ka jereo! Izy rehetra dia mivory ka mankaty aminao; Ny zanakao-lahy dia avy lavitra, ny zanakao-vavy dia sakelehina. **5** Ary hahita izany ianao ka ho miramirana, dia hiemponempona sady hohalehibiazina ny fonao; fa ho entina ho anao ny haren' ny ranomasina, ary hafindra ho anao ny fananan' ny firenena. **6** Ho feno ny rameva betsaka ao aminao, dia ny rameva tanora avy any Midiana sy Efaha, samy avy any Sheba izy rehetra; volamena sy ditin-kazo mani-pofona no ho entiny, ary ny fiderana an' i Jehovah no teny mahafaly hambarany. **7** Ny ondry aman' osy rehetra any kedara dia hangonina ho ao aminao, ary ny ondrilahin' i Nebaiota hanompo anao; hiakatra amin' ny fankasitrahana ho eo ambonin' ny alitarako ireo, ary hataoko be voninahitra ny tranon' ny voninahitro. **8** Iza moa ireto manidina tahaka ny rahona ary tahaka ny voromailala ho amin' ny varavarankeliny? **9** Fa Izaho no andrasan' ny nosy, ary ny sambon' i Tarsisy ho loha-lalana, Hitondra ny zanakao avy lavitra mbamin' ny volafotsiny sy ny volamenany, ho an' ny anaran' i Jehovah Andriamanitrao sy ho an' ny Iray Masin' ny Isiraely, Satria efa nanome voninahitra anao Izy. **10** Ary ny hafa firenena no hanangana ny mandanao, ary ny mpanjakany hanompo anao; fa tamin' ny fahatezerako no namelezako anao. Ary amin' ny fitiavako kosa no amindrako fo aminao, **11** Ary hidanadana mandrakariva ny vavahadinao, tsy hirindrina izy na andro na alina, hampidirana ny haren' ny firenena sy ny mpanjakany izay efa voababo ho ao aminao. **12** Fa ho levona izay firenena sy fanjakana tsy hanompo anao; eny, ireny firenena ireny hofongorana tokoa. **13** Ny voninahitr' i Libanona ho tonga aminao, ny hazo kypreso sy ny pina ary ny bokso koa handravahana ny fitoerako masìna, ary hasiako voninahitra ny fitoeran-tongotro. **14** Ny zanak' izay nampahory anao dia handeha hiondrika eo anatrehanao, ary hiankohoka amin' ny faladianao izay rehetra nanamavo anao; ary izy hanao anao hoe Tanànan' i Jehovah, Zionan' ny Iray Masin' ny Isiraely. **15** Ho solon' ny nahafoizana anao sy ny nankahalana anao ary ny tsy nandehanan' olona namaky anao, dia hasandratro ho rehareha mandrakizay ianao, eny, ho fifaliana hatramin' ny taranaka fara mandimby. **16** Ary hinono amin' ny jentilisa ianao sady hinono amin' ny mpanjaka; ka dia ho fantatrao fa Izaho Jehovah no Mpamonjy anao, ary Ilay Maherin' i Jakoba no Mpanavotra anao. **17** Hahatonga volamena Aho ho solom-barahina, ary hahatonga volafotsy ho solom-by, ary varahina ho solon-kazo, ary vy ho solom-bato; ny fiadanana no hataoko fanapahana anao, ary ny fahamarinana no ho mpampiasa anao. **18** Ny fampahoriana tsy ho re eo amin' ny taninao intsony, na ny fandravana sy ny fandringanana ao anatin' ny fari-taninao; ny mandanao dia hataonao hoe Famonjena, ary ny vavahadinao hataonao hoe Fiderana. **19** Tsy ny

masoandro intsony no ho fanazavana anao nony andro; ary tsy ny fangarangaran' ny volana no hanazava anao; fa Jehovah no ho fanazavana anao mandrakizay, ary Andriamanitrao no ho voninahitrao. **20** Tsy hilentika intsony ny masoandronao, ary ny volanao tsy hisoka; fa Jehovah no ho fanazavana anao mandrakizay, ary ho tapitra ny andro fahalahelovanao. **21** Ary ny olonao rehetra ho marina avokoa; hanana ny tany ho mandrakizay izy, eny, ho voly maitso eo amin' ny sahako. Asan' ny tanako ho fampisehoam-boninahitra. **22** Ny kely ho tonga arivo, ary ny malemy ho tonga firenena mahery; Izaho Jehovah no hanafaingana izany amin' ny fotoany.

61 Ny Fanahin' i Jehovah Tompo no ato amiko, satria Jehovah efa nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin' ny mpandefitra, efa naniraka Ahy hahasitrana ny torotoro fo Izy, ary hitory fanafahana amin' ny babo sy hamoaka ny ao an-trano-maizina ho amin' ny mazava, **2** Hitory taona ankasitrahan' i Jehovah sy andro famalian' Andriamanitsika, hampionona ny malahelo rehetra, **3** Hanolotra ho an' ny malahelo ao Ziona, eny, hanome azy namama ho solon' ny lavenona, sy diloilo fifaliana ho solon' ny fahalahelovana, ary fitafiana fiderana ho solon' ny fanahy reradreraka, mba hanaovana azy hoe Hazon' ny fahamarinana, nambolen' i Jehovah ho fampisehoam-boninahitra. **4** Koa hatsangana ny efa rava hatry ny fony fahagola, ary hamboarina ny efa lao hatramin' ny fahiny, dia hohavaozina indray ny tanàna rava, Izay efa lao hatramin' ny taranaka lasa ela. **5** Ary ny vahiny honina ao ka hiandry ny ondry aman' osinareo, ary ny hafa firenena ho mpiasa tany sy ho mpamboatra tanim-boaloboka ho anareo, **6** Fa ianareo kosa no hatao hoe mpisoron' i Jehovah, Mpanao fanompoam-pivavahana ho an' Andriamanitsika no hilazana anareo ho lasanareo ny haren' ny firenena, ary handimby voninahitra azy ianareo. **7** Ny henatrareo hosoloana avy roa heny, ary ny tondromaso hosoloana hoby amin' ny anjara-lovany; ary noho izany dia hahazo indroa heny ao amin' ny taniny izy, fifaliana mandrakizay no ho azy. **8** Fa Izaho Jehovah dia tia rariny; halako ny fandrombahana amin' ny faharatsiana; homeko ny valin' asany amin' ny fahamarinana izy, ary fanekena mandrakizay no hataoko aminy. **9** Ny taranany ho fantatra any amin' ny jentilisa ary ny terany any amin' ny firenena; Izay rehetra mahita azy dia hahafantatra azy ho taranaka notahin' i Jehovah. **10** Hifaly dia hifaly amin' i Jehovah aho, ny fanahiko ho ravoravo amin' Andriamanitro; fa notafiany fitafiana famonjena aho, ary nakanjoiny akanjo fahamarinana, toy ny mpampakatra misatroka hamama tahaka ny mpisorona, ary toy ny ampakarina miravaka ny firàvany. **11** Fa tahaka ny tany mampitsimoka izay ao aminy, ary tahaka ny tanimboly mampaniry izay nafafy tao aminy, dia toy izany no hampisehoan' i Jehovah Tompo fahamarinana sy fiderana eo anatrehan' ny firenena rehetra.

62 Tsy hangina Aho noho ny amin' i Ziona, Ary tsy hitsaha-miteny Aho noho ny amin' i Jerosalema, mandra-piposaky ny fahamarinany tahaka ny famirapiratry ny mazava, ary ny famonjena azy tahaka ny fanilo mirehitra. **2** Ny firenena hahita ny fahamarinanao, ary ny mpanjaka rehetra hahita ny voninahitrao; dia homena anaram-baovao ianao, Izay hotononin' ny vavan' i Jehovah; **3** Ka dia ho tonga satro-boninahitra eo an-tànany ianao sy satrok' andriana eo am-pelatanan' Andriamanitrao. **4** Hianao tsy hatao intsony hoe nafoy, ary ny taninao tsy hatao intsony hoe Lao fa ianao hatao hoe Ilay sitrako, ary ny taninao hatao hoe Vady ampakarina; Fa sitrak' i Jehovah ianao, ary ny taninao hampanambadina. **5** Fa tahaka ny zatovo mampakatra virijina ho vadiny no hampakaran' ny mponina aminao anao; ary tahaka ny fifalian' ny mpampakatra amin' ny ampakariny no hifalian' Andriamanitrao aminao. **6** Efa nanendry mpiambina ho eny ambonin' ny mandanao Aho, ry Jerosalema ô, koa mandrakariva na andro na alina dia tsy mahazo mangìna ireny; eny, ianareo izay mpampahatsiaro an' i Jehovah, aza mitsahatra; **7** Ary aza mamela Azy hitsahatra mandra-panaony an' i Jerosalema ho mafy orina sy hoderaina amin' ny tany. **8** Jehovah efa nianiana tamin' ny tànany ankavanana, dia tamin' ny sandriny mahery, hoe: Tsy homeko hohanin' ny fahavalonao intsony ny varinao, ary ny hafa firenena tsy hisotro ny ranom-boalobokao izay efa nisasaranao; **9** Fa izay nijinja azy no hihinana azy ka hidera an' i Jehovah; ary izay nioty azy no hisotro azy ao amin' ny kianjako masìna. **10** Mivoaha, mivoaha amin' ny vavahady, amboary ny lalana halehan' ny olona; asandrato ho avo ny lalambe; esory ny vato eny aminy; manangàna faneva ho tazan' ny firenena. **11** Indro, Jehovah efa nanambara hatrany amin' ny faran' izao tontolo izao nanao hoe: Lazao amin' i Ziona zanakavavy: Indro, avy ny famonjena anao; Indro; ny valim-pitia hatolony dia ao aminy, ary ny valin' asa homeny dia eo anoloany. **12** Ary Ireny hotononina hoe Firenena masìna, dia olona navotan' i Jehovah; ary ianao dia hatao hoe Ilay notadiavina, Tanàna tsy foy.

63 Iza moa Ity avy any Edoma, dia avy any Bozra, ka mena mangatrakatraka ny fitafiany, dia Ity Izay mareva-pitafiana sy miandranandrana amin' ny haben ny heriny? Izaho Izay mitory fahamarinana sady manan-kery hamonjy. **2** Nahoana no mena ny fitafianao, ary ny akanjonao no tahaka ny an' izay manosihosy ny famiazam-boaloboka? **3** Nanosihosy ny famiazam-boaloboka irery Aho; fa tsy mba nisy niaraka tamiko ny avy tamin' ny firenena na dia iray akory aza; nanitsaka ireny tamin' ny fahatezerako Aho sy nanosihosy azy tamin' ny fahavinirako, dia nipitipitihan' ny rànY ny fitafiako, ka voalotoko ny akanjoko rehetra. **4** Fa efa ato am-poko ny andro hamaliako, ary tonga ny taonan' ny voavotro. **5** Nitsinjo Aho, nefa tsy nisy hamonjy, ary talaniona Aho, satria tsy nisy hanohana, ka dia ny sandriko ihany no nanao famonjena ho Ahy, ary ny fahavinirako no nanohana Ahy. **6** Nanitsaka firenena tamin' ny fahatezerako Aho sady nampahaleony azy tamin' ny fahavinirako ary nandatsaka ny rànY tamin' ny tany. **7** Ny famindram-pon' i Jehovah no hambarako, dia ny fiderana an' i Jehovah araka izay rehetra nataony tamintsika sy ny haben' ny fahasoavana tamin' ny taranak' Isiraely. Izay nomeny azy araka ny fiantrany sy araka ny haben' ny

famindram-pony. **8** Fa hoy Izy: Oloko tokoa ireo, dia zanaka tsy mba handainga; ka dia tonga Mpamonjy azy Izy. **9** Tamin' ny fahoriany rehetra dia niory koa Izy, ary Ilay Anjelin' ny tavany no namonjy ireo; ny fitiavany sy ny famindram-pony no nanavotany azy sy nivimbinany azy ary nitondrany azy tamin' ny andro taloha ela rehetra. **10** Fa ireo kosa dia niodina ka nanome alahelo ny Fanahy Masiny; dia tonga fahavalony Izy ka niady taminy. **11** Ary ny olony dia nahatsiaro ny andro taloha ela, dia ny tamin' i Mosesy. Aiza Ilay nitondra azy mbamin' ny mpiandry ondriny niakatra avy tamin' ny ranomasina? Aiza Ilay nametraka ny Fanahy Masiny tao aminy, **12** Dia Ilay nampandeha ny sandriny be voninahitra teo ankavanan' i Mosesy ka nampisaraka ny ranomasina teo anoloany, mba hanaovany anarana mandrakizay ho Azy, **13** Dia Ilay nitondra azy nita ny rano lalina, tahaka ny fandehan' ny soavaly eny an-tany lemaka, ka tsy tafintohina izy? **14** Tahaka ny fidinan' ny biby fiompy ho any an-dohasaha no nanomezan' ny Fanahin' i Jehovah fitsaharana ho azy: Tahaka izany no nitondranao ny olonao, Mba hanaovana anarana be voninahitra ho Anao. **15** Mitsinjova eny an-danitra, ary mijere eny amin' ny fonenan' ny fahamasinanao sy ny voninahitrao; aiza ny fahasaro-piaronao sy ny asanao lehibe? Ny fandevilevin' ny kibonao sy ny famindram-ponao dia voasakana tsy ho amiko. **16** Kanefa Hianao no Rainay, fa Abrahama tsy mahalala anay, Ary Isiraely tsy mahafantatra anay, Jehovah ô, Hianao no Rainay, ary Mpanavotra anay no anaranao hatrizay hatrizay. **17** Jehovah ô, nahoana no nampiala anay tamin' ny lalanao Hianao ka nampaniasia anay sady nanamafy ny fonay tsy hatahotra Anao? Miverena noho ny amin' ny mpanomponao, dia ny firenena lovanao. **18** Vetivety foana no nananan' ny olonao masìna ny tany; ny fahavalonay efa nanitsaka ny fitoeranao masìna. **19** Efa tonga hoatra izay tsy notapahinao hatrizay hatrizay izahay sady tsy mba nantsoina tamin' ny anaranao akory.

64 Enga anie ka hotriarinao ny lanitra mba hidinanao, ka hihorohoro eo anoloanao ny tendrombohitra, **2** Dia tahaka ny fandevon' ny afony tapa-kazo maina sy ny fampangotraky ny afo ny rano mba hampahafantatra ny fahavalonao ny anaranao ka hangovitra eo anoloanao ny jentilisa. **3** Raha nanao zava-mahatahotra izay tsy nantenainay Hianao, dia nidina, ka nihorohoro teo anoloanao ny tendrombohitra. **4** Fa hatrizay hatrizay dia tsy mbola ren' ny olona, na nohenoiny, Na hitan' ny masony, Izay Andriamanitra miasa ho an' ny miandry Azy afa-tsy Hianao. **5** Mitsena izay mifaly hanao ny marina Hianao, dia izay mahatsiaro Anao amin' ny lalanao; indro, Hianao dia tezitra, ary hita fa meloka izahay; Hatramin' ny ela dia izany no toetray, ka dia hovonjena va? **6** Fa samy efa tahaka ny olo-maloto izahay rehetra, ary tahaka ny lamba mihosin-drà ny fahamarinanay rehetra; Malazo tahaka ny ravina izahay rehetra, ary ny helokay mipaoka anay tahaka ny rivotra, **7** Tsy misy miantso ny anaranao, na mifoha hifikitra aminao; fa efa nanafina ny tavanao taminay Hianao ka nandevona anay noho ny helokay. **8** Fa ankehitriny, Jehovah ô, rainay Hianao; izahay dia tanimanga, ary Hianao no mpanefy anay, ary asan' ny tananao izahay rehetra. **9** Aza dia tezitra mafy loatra, Jehovah ô. Ary aza dia mahatsiaro heloka mandrakizay; masìna Hianao, tsinjovy, fa olonao izahay rehetra. **10** Tonga efitra ireo tanànanao masìna, Eny, tany lavavolo Ziona, ary efa lao Jerosalema. **11** Ny tranonay masìna sady mendrika, Izay nideran' ny razanay Anao, dia voadotry ny afo, ary rava ny zavatray mahafinaritra rehetra. **12** Ary mbola mahatsindry fo amin' izany zavatra izany ihany va Hianao, Jehovah ô? Hangina va Hianao ka hampahory anay mafy loatra?

65 Notadiavin' zay tsy naniry Aho sy hitan' izay tsy nitady; hoy Izaho tamin' ny firenena izay tsy nantsoina tamin' ny anarako: Inty Aho! Inty Aho! **2** Namelatra ny tanako mandritra ny andro Aho tamin' ny firenena miodina, izay mandeha amin' ny lalana tsy tsara araka ny fisainany ihany, **3** Dia firenena izay nahatezitra ahy mandrakariva na dia eo imasoko aza, izay mamono zavatra hatao fanatitra eo amin' ny tanimboly Ary mandoro ditin-kazo manitra eny ambonin' ny tanimanga, **4** Dia izay mipetraka any amin' ny fasana ary mitoetra mandritra ny alina ao am-pierena, sady mihinana henan-kisoa, ary ny ron' ny hena fahavetavetana no ao amin' ny loviany, **5** Izay manao hoe: Mihataha, fa aza manakaiky ahy, fa izaho no masìna, fa tsy ianao, ireny dia setroka ao am-bavoroko, eny, afo mirehitra mandritra ny andro. **6** Indro, izao no voasoratra eo anatrehako: Tsy hangina Aho mandra-pamaliko anareo eny, mandra-pamaliko ho ao an-tratranareo **7** Ny helokareo sy ny heloky ny razanareo koa, hoy Jehovah, dia izay olona nandoro ditin-kazo manitra teny an-tendrombohitra ary nihaika Ahy teny amin' ny havoana; eny, hamatra ny valin' ny asany ho ao an-tratrany Aho aloha. **8** Izao no lazain' i Jehovah: Tahaka ny ranom-boaloboka hita ao antsampahony ka ataon' ny olona hoe: Aza simbana, fa misy fitahiana ao anatiny dia toy izany no hataoko noho ny amin' ny mpanompoko, ka tsy hanimba azy rehetra Aho. **9** Hahatonga taranaka avy amin' i Jakoba Aho sy mpandova ny tendrombohitro avy amin' i Joda; Ary ireo voafidiko no handova azy, eny, ny mpanompoko no honina ao. **10** Sarona ho tonga fiandrasana ondry ary ny lohasaha akora ho fandrian' omby, ho an' ny oloko izay nitady Ahy. **11** Fa ny aminareo izay mahafoy an' i Jehovah sy manadino ny tendrombohitro masìna, sady mamelatra latabatra ho an' i Gada sy mampidina divay noharoharoan-javatra ho an' i Meny, **12** Dia hotendreko ho voan' ny sabatra ianareo ka hankohofina hovonoina avokoa, satria niantso Aho, fa tsy namaly ianareo, niteny Aho, fa tsy nihaino ianareo, fa nanao izay ratsy eo imasoko, ary izay tsy sitrako no nofidinareo. **13** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, ny mpanompoko hihinana, fa ianareo kosa ho mosarena; Indro, ny mpanompoko hisotro, fa ianareo kosa ho main-tenda; indro, ny mpanompoko hifaly, fa ianareo kosa ho menatra; **14** Indro, ny mpanompoko hihoby noho ny faharavoam-po, fa ianareo kosa hitoloko noho ny alahelom-po sy hidradradradra noho ny fahoriam-panahy. **15** Ary hamela ny anaranareo ho fiozonana amin' ireo voafidiko ianareo, ary hahafaty anao Jehovah Tompo; fa ny

mpanompony kosa dia homeny anaram-baovao; **16** Ka izay miarahaba tena etỳ ambonin' ny tany dia hanao izany amin' ny anaran' Andriamanitry ny Amena; ary izay mianiana etỳ ambonin' ny tany dia hianiana amin' Andriamanitry ny Amena, satria efa hadino ny fahoriana taloha, sady voafina izany ka tsy hitan' ny masoko. **17** Fa, indro, Izaho mahary lanitra vaovao sy tany vaovao, ka dia tsy hotsarovana intsony ny taloha, na ho mby ao an-tsaina akory aza. **18** Fa mifalia kosa sy miravoravoa mandrakizay, satria mahary izany Aho; fa, indro, mahary an' i Jerosalema ho fifaliana Aho ary ny olony ho firavoravoana. **19** Dia ho faly amin' i Jerosalema Aho sy ho ravoravo amin' ny oloko; ary ny feo mitomany tsy ho re any intsony, na ny feo mitaraina. **20** Ary na dia ny zaza minono any aza dia tsy ho fohy andro, ary tsy hisy anti-panahy izay tsy nahatapitra ny androny; fa mbola zatovo ihany izay maty na dia efa zato taona aza, ary ny mpanota aza, dia hahatratra zato taona vao hozonina. **21** Hanao trano ny olona ka hitoetra ao; Ary hanao tanim-boaloboka ny olona ka hihinana ny vokatra aminy. **22** Tsy hanao trano hitoeran' olon-kafa izy, Na hamboly zavatra hohanin' olon-kafa; Fa ho tahaka ny andron' ny hazo ny andron' ny oloko, Ary ireo voafidiko dia hanaram-po amin' ny asan' ny tanany. **23** Tsy hisasatra foana izy, na hiteraja-jaza ho tratry ny loza tampoka; Fa taranak' izay notahin' i Jehovah ireo, Ary ny terany ho ao aminy. **24** Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho; Ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho. **25** Ny amboadia sy ny zanak' ondry hiara-komana, Ary ny liona hihina-mololo tahaka ny omby, Ary ny menarana, dia vovoka no ho fihinany; Ary tsy handratra na hanimba eran' ny tendrombohitro masìna izy, hoy Jehovah.

66 Izao no lazain' i Jehovah: Ny lanitra no seza fiandrianako, Ary ny tany no fitoeran-tongotro; Trano manao ahoana no hataonareo ho Ahy? Ary fitoerana manao ahoana no ho fitsaharako? **2** Fa izao zavatra izao no nataon' ny tanako. Ka dia ary izao rehetra izao, hoy Jehovah; Nefa izao no olona hotsinjoviko, Dia izay malahelo sy torotoro fanahy Sady mangovitra noho ny teniko. **3** Izay mamono omby dia hoatra ny mamono olona; Izay mamono ondry hatao fanatitra dia hoatra ny mamolaka ny vozon' alika; Izay manatitra fanatitra hohanina dia hoatra ny manatitra ran-kisoa; Izay mandoro ditin-kazo manipofona ho fanati-pahatsiarovana dia hoatra ny misaotra ny sampy. Eny, tahaka ny nifidianan' ireny ny halehany, Sy ny nifalian' ny fanahiny tamin' ny fahavetavetany, **4** Dia tahaka izany kosa no hifidianako ny fampahoriana azy, Sy handatsahako ny fahatahorany ho aminy, Satria niantso Aho, fa tsy nisy namaly, Niteny Aho, fa tsy nihaino izy; Fa nanao izay ratsy eo imasoko, Ary izay tsy sitrako no nofidiny. **5** Mihainoa ny tenin' i Jehovah, Hianareo izay mangovitra noho ny teniny! Hoy ny rahalahinareo izay mankahala anareo, Ka mandroaka anareo noho ny amin' ny anarako: Hampiseho ny voninahiny anie Jehovah, Mba ho faly mahita ny fifalianareo izahay! Kanefa ireny ho menatra kosa. **6** Injany! horakoraka any an-tanàna, Ary feo ao amin' ny tempoly, Dia feon' i Jehovah izay mamaly ny ataon' ny fahavalony. **7** Fony mbola tsy nihetsi-jaza aza izy, dia niteraka; Fony mbola tsy nanaintaina aza izy, dia velon-jazalahy. **8** Iza akory no efa nandre zavatra toy izany? Iza no efa nahita zavatra toy izany? Hisy tany hateraka indray andro va, Na firenena azo atao indray miteraka? Fa raha vao narary hiteraka Ziona, dia velon-jaza izy. **9** Izaho moa hahatonga ho eo amin' ny fiterahana ka tsy hampiteraka va? hoy Jehovah; Izaho hampiteraka, nefa hampikombona indray va? hoy Andriamanitrao. **10** Miaraha mifaly amin' i Jerosalema, Ary miravoravoa aminy ianareo rehetra izay tia azy; Aoka hiara-mifaly aminy tokoa Hianareo rehetra izay malahelo noho ny aminy, **11** Mba hinonoanareo sy hivokisanareo amin' ny nonony mahafaly, Eny, mba higoka ianareo, Ka hiravoravo amin' ny haben' ny voninahiny. **12** Fa izao no lazain' i Jehovah: Indro, hitarihako fiadanana tahaka ny ony izy, Ary ny voninahitry ny firenena tahaka ny renirano tondraka, Ka hinono ianareo; Ary hosakalehina ianareo sady hohindrahindraina eo ambony lohalika. **13** Tahaka ny olona ampiononin-dreniny No hampiononako anareo; Eny, ao Jerosalema no hampiononana anareo. **14** Dia hahita izany ianareo, ka ho faly ny fonareo, Ary ny taolanareo ho tsara fitombo tahaka ny ahi-matiso; Ary ny tànan' i Jehovah dia ataony fantatry ny mpanompony, Fa ho tezitra amin' ny fahavalony kosa Izy. **15** Fa, indro, Jehovah ho avy amin' ny afo, Ary tahaka ny tadio ny kalesiny, Mba hanao famaliana amin' ny fahatezerany mirehitra, Sy ny fitenenany mafy amin' ny lelafo. **16** Fa ny afo sy ny sabany no ho entin' i Jehovah hifandahatra amin' ny nofo rehetra; Ary ho maro ny voaringan' i Jehovah. **17** Izay manamasìna sy manadio ny tenany ho ao an-tanimboly, Ka manaraka ny iray ao afovoany, Ary mihinana ny henan-kisoa sy ny zava-betaveta ary ny totozy; Dia hiaraka ho levona avokoa, hoy Jehovah. **18** Fa Izaho dia hamaly ny asany sy ny heviny, Ho avy ny hamoriana ny jentilisa rehetra sy ny samy hafa fiteny; Dia ho avy ireo ka hahita ny voninahitro. **19** Ary hasiako famantarana eo aminy, Ary izay afaka mandositra dia hirahiko ho any amin' ny jentilisa, Dia ho any Tarsisy sy Pola ary Lydia, izay manenjana tsipìka, Ary ho any Tobala sy Javana, Dia ho any amin' ireo nosy lavitra izay tsy mbola nandre ny lazako; Na nahita ny voninahitro, Ary hitory ny voninahitro any amin' ny jentilisa izy. **20** Ary hitondra ny rahalahinareo rehetra izy, Avy any amin' ny jentilisa rehetra ho fanatitra ho an' i Jehovah, Mitaingin-tsoavaly sy ao anaty kalesy sy filanjana, Ary mitaingina ampondra sy rameva haingam-pandeha ho any Jerosalema tendrombohitro masìna, hoy Jehovah, Dia tahaka ny fitondran' ny Zanak' Isiraely ny fanatitra hohanina ao anatin' ny vilia madio ho any an-tranon' i Jehovah; **21** Ary avy amin' ireo aza no hakako ho mpisorona sy Levita, hoy Jehovah. **22** Fa tahaka ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao, izay hataoko, no haharitra eo anatrehako, hoy Jehovah, Dia toy izany ny haharetan' ny taranakareo sy ny anaranareo. **23** Ary isaky ny voaloham-bolana sy isan-tsabata; Dia ho avy ny nofo rehetra hiankohoka eo anatrehako, hoy Jehovah. **24** Ary hivoaka izy ireny ka hijery ny fatin' ny olona izay efa niodina tamiko; Fa ny kankany

tsy ho faty, ary ny afony tsy hovonoina, Ary hataon' ny nofo
rehetra ho fahavetavetana izy.

Jeremia

1 Ny tenin' i Jeremia, zanak' i Hilkia, isan' ny mpisorona tao Anatota, tamin' ny tanin' ny Benjamina, **2** izay nanambarana ny tenin' i Jehovah tamin' ny andron' i Josia, zanak' i Amona, mpanjakan' ny Joda, tamin' ny taona fahatelo ambin' ny folo nanjakany, **3** sy tamin' ny andron' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda koa, ka hatramin' ny faran' ny taona fahiraika ambin' ny folo nanjakan' i Zedekia, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda, dia hatramin' ny namaboana an' i Jerosalema tamin' ny volana fahadimy. **4** Tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **5** Hatry ny fony ianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantatro, ary hatry ny fony ianao tsy mbola teraka no efa nohamasiniko sy notendreko ho mpaminany ho an' ny firenena. **6** Ary hoy kosa aho: Indrisy, Jehovah Tompo ô! indro, tsy mahay mandaha-teny aho, fa mbola zaza. **7** Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe: Mbola zaza aho; fa handeha amin' izay rehetra hanirahako anao ianao, ary izay rehetra handidiako anao no hambaranao. **8** Aza matahotra azy ianao; fa momba anao hamonjy anao Aho, hoy Jehovah. **9** Dia naninjitra ny tànany Jehovah ka nanendry ny vavako, ary hoy Jehovah tamiko: Indro, efa nataoko ao am-bavanao ny teniko, **10** ary indro Aho manendry anao izao andro anio izao hanam-pahefana amin' ny firenena sy ny fanjakana hanongotra sy hanjera sy handrava sy handrodana ary hanorina sy hamboly. **11** Ary tonga tamiko indray ny tenin' i Jehovah nanao hoe: Ry Jeremia, inona izao hitanao izao? Ary hoy izaho: Rantsan-kazo mahatsiaro no hitako. **12** Dia hoy Jehovah tamiko: Marina ny ahitanao azy; fa mahatsiaro Aho mba hahatanteraka ny teniko. **13** Ary tonga tamiko fanindroany indray ny tenin' i Jehovah nanao hoe: Inona izao hitanao izao; Ary hoy izaho: Vilany mangotraka no hitako, ary mitongilana mianatsimo ny vavany. **14** Dia hoy Jehovah tamiko: Hiroatra avy any avaratra ny loza hanjo ny mponina rehetra amin' ny tany. **15** Fa, indro, hantsoiko firenena rehetra amin' ny fanjakana any avaratra, hoy Jehovah; dia ho tonga izy, ka samy hametraka ny seza fiandrianany eo anoloan' ny vavahadin' i Jerosalema avokoa hamelezany ny mandany rehetra manodidina sy ny tanàna rehetra any Joda. **16** Ary hifandahatra aminy Aho noho ny haratsiany rehetra, dia ny nahafoizany Ahy sy ny nandoroany ditin-kazo manitra ho an' ny andriamani-kafa ary ny niankohofany teo anatrehan' ny asan' ny tànany. **17** Fa ianao kosa dia misikìna, ary miomàna, ka lazao aminy izao rehetra andidiako anao izao; aza matahotra ireo, fandrao dia hataoko raiki-tahotra eo anatrehany ianao. **18** Indro, Izaho hanao anao ho tanàna mimanda sy andry vy ary manda varahina mba tsy ho leon' ny tany rehetra, na ny mpanjakan' ny Joda, na ny lehibeny, na ny mpisorony, na ny vahoaka. **19** Fa hiady aminao ireny, nefa tsy hahaleo anao, satria momba anao hamonjy anao Aho, hoy Jehovah.

2 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah hoe: **2** Mandehana, ka miantsoa eo anatrehan' i Jerosalema hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Tsaroako ny niraiketan' ny fonao tamiko, fony ianao mbola tanora, sy ny fitiavanao, fony ianao vao nampakarina, dia ilay nanarahanao Ahy tany an-efitra, teny amin' ny tany tsy mbola nifafy zavatra; **3** Masìna ho an' i Jehovah ny Isiraely sady santatra amin' ny vokany; Izay rehetra nihinana azy dia nohelohina, ny loza no nanjo ireny, hoy Jehovah. **4** Mihainoa ny tenin' i Jehovah, ry taranak' i Jakoba, sy ianareo, ry fokony rehetra amin' ny taranak' Isiraely! **5** Izao no lazain' i Jehovah: Inona moa no tsy marina hitan' ny razanareo tamiko, no dia nanalavitra Ahy izy sady nanaraka ny zava-poana, ka dia tonga zava-poana koa izy? **6** Ary izy tsy nanao hoe: Aiza Jehovah Izay nitondra antsika niakatra avy tany amin' ny tany Egypta sady nitarika antsika tany an-efitra, dia ilay tany foana sady be lavaka, tany karankaina sady aloky ny fahafatesana, tany izay tsy mba nalehan' olona akory na nonenan' olona? **7** Ary nitondra anareo niditra ho any amin' ny tany mahavokatra Aho, mba hihinananareo ny vokatra sy ny zavatra tsara eo aminy; Kanjo nony tafiditra ianareo, dia nolotoinareo ny taniko, sady novetavetainareo ny lovako. **8** Ny mpisorona tsy nanao hoe: Aiza Jehovah? Ary ny mpiadidy ny lalàna tsy nahalala Ahy; Ny mpitondra koa nanota tamiko, ary ny mpaminany naminany tamin' ny anaran' i Bala ka nanaraka ireny tsy mahasoa. **9** Koa mbola hifandahatra aminareo Aho, hoy Jehovah, sy hiady amin' ny zafinareo koa. **10** Fa mità ho any amin' ny moron-dranomasin' i Kitima, ka izahao, ary maniraha ho any Kedara, ka diniho tsara, dia aoka ho hitanareo na mba efa nisy toy izao, na tsia: **11** Moa nisy firenena efa nanova ny andriamaniny va? Nefa ireny dia tsy Andriamanitra akory. Fa ny oloko kosa efa nanakalo ny voninahiny tamin' ireny tsy mahasoa ireny. **12** Talanjona amin' izany ry lanitra! Ary matahora, ka mangorohoroa indrindra, ianareo! hoy Jehovah; **13** Fa zava-dratsy roa loha no nataon' ny oloko: Efa nahafoy Ahy, loharanon' aina, izy ka nihady lavaka famorian-drano ho an' ny tenany, nefa lavaka mitriatriatra tsy mahatan-drano. **14** Moa mpanompo va Isiraely? Ompikely va izy? Koa nahoana no voababo izy? **15** Hamely azy no ampieronan' ny liona tanora sy amoahany feo ka mahatonga ny taniny ho lao nodorana ny tanànany, ka tsy nisy mponina. **16** Ny mponina tao Memfisa sy Tapanesa aza efa nampangadihady ny tampon-dohanao. **17** Moa tsy ny nahafoizanao an' i Jehovah Andriamanitrao tamin' ny andro nitondrany anao teny an-dalana va no nahatonga izany taminao? **18** Koa inona no anton' ny ankanesanao amin' ny lalana mankany Egypta Hisotro ny ranon' i Sihora? Ary inona no anton' ny ankanesanao amin' ny lalana mankany Asyria hisotro ny rano amin' ny Ony? **19** Ny haratsianao no anafaizana anao, ary ny fihodinanao no ananarana anao; Koa fantaro sy hevero fa ratsy sady mangidy ny nahafoizanao an' i Jehovah Andriamanitrao sy ny tsy nisian' ny tahotrao Ahy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **20** Fa hatramin' ny ela no efa nanapahanao ny zioga taminao sy efa nanitosanao ny fatoranao, ka hoy ianao: Tsy hety hanompo aho; Nefa teny amin' ny havoana andrandraina sy teny ambanin' ny hazo maitso rehetra no nandrianao nijangajanganao. **21** Fa Izaho namboly anao ho karazam-boaloboka tsara indrindra, dia rantsana tsara avokoa; Ka ahoana no nanjary sampany ratsy ianao ho

voaloboka hafa? **22** Fa na dia misasa sirahazo aza ianao ka maka lavenona betsaka hanadiovana anao, ny helokao dia mbola voasoratra eo anatrehako ihany, hoy Jehovah Tompo. **23** Ahoana no anaovanao hoe: Tsy nanao izay nahaloto ahy aho, tsy nanaraka ireo Bala aho? Hevero ny nalehanao tany amin' ilay lohasaha, fantaro izay nataonao, ry ramevavavy haingam-pandeha mivezivezy amin' ny alehany, **24** Sy ry borikivavi-dia tamàna any an-efitra, izay manimbolo ny rivotra noho ny faniriany; Ary ny fahamaimaizany iza no mahasakana azy? Izay rehetra mitady azy dia tsy ho sasapoana; Fa amin' ny volany no hahitany azy. **25** Aza esorina ny kapa amin' ny tongotrao; Ary aoka tsy ho maina ny tendanao; Nefa hoy ianao: Tsy misy fanantenana; Tsia! fa ny hafa no tiako, ka dia hanaraka azy aho. **26** Toy ny fangaihain' ny mpangalatra, raha azo, dia toy izany ny fangaihain' ny taranak' Isiraely, eny, izy sy ny mpanjakany sy ny lehibeny sy ny mpisorony ary ny mpaminaniny, **27** Dia izay manao amin' ny tapa-kazo hoe: Raiko ianao, ary amin' ny vato hoe: Hianao no niteraka ahy; Fa efa niamboho Ahy izy ka tsy nanatrika Ahy; Nefa amin' ny andro fahoriany kosa dia vao hanao hoe izy: Mitsangàna, ka vonjeo izahay. **28** Fa aiza ireny andriamanitrao izay nataonao ho anao? Aoka hitsangana ireny, raha mahavonjy anao amin' ny andro fahorianao fa araka ny isan' ny tanànanao, ry Joda, no isan' ny andriamanitrao. **29** Nahoana no mifandahatra amiko ianareo? Fa samy efa niodina tamiko ianareo rehetra, hoy Jehovah. **30** Foana ny namelezako ny zanakareo, fa tsy zaka nanarina izy; Ny sabatrareo nandringana ny mpaminaninareo, toy ny liona mamiravira. **31** Ry taranaka, dinihonareo ny tenin' i Jehovah! Moa efa nanjary tany efitra ho an' ny Isiraely va Aho, na tany maizim-pito? Nahoana ny oloko no manao hoe: Afaka mikarenjy izahay ka tsy hankany aminao intsony? **32** Hanadino ny firàvany va ny virijina, na hanadino ny fehin-kibony misy haingony va ny ampakarina? Nefa tsy hita isa ny andro nanadinoan' ny oloko Ahy. **33** Kanto izany fandehanao hitady fitia izany, ka zarinao ho amin' ny ratsy ny dianao! **34** Ary koa eo antsisin-dambanao no ahitana ny ran' ny olona malahelo izay tsy manan-tsiny, tsy tamin' ny tami-trano no nahazoanao azy, fa tamin' izany rehetra izany. **35** Nefa hoy ianao: Tsy manan-tsiny aho, efa afaka amiko tokoa ny fahatezerany. Indro, hifandahatra aminao Aho noho ny anaovanao hoe: Tsy nanota aho. **36** Nahoana ianao no maika hanova ny alehanao? Fa ho menatra noho ny amin' i Egypta koa ianao, toy ny nahamenaranao noho ny amin' i Asyria. **37** Izany koa dia hialanao, ka hiloloha tanana ianao; Fa nolavin' i Jehovah ny tokinao, ka tsy hambinina amin' ireo ianao.

3 Fa hoy Izy: Raha misy lehilahy misao-bady, ary efa miala ravehivavy ka vadin' olon-kafa, moa mahazo miverina aminy indray va ralehilahy? Tsy haloto tokoa va izany tany izany? Fa ianao dia efa nijangajanga tamin-tsakaiza maro, ka moa hahazo miverina amiko va ianao? hoy Jehovah. **2** Andrandrao amin' ny tendrombohitra mangadihady ny masonao, ka jereo. Taiza no tsy nandrian' olona taminao? Teny an-dalambe no niandrasanao azy toy ny Arabo any an-efitra; Ary ny fijangajanganao sy ny faharatsianao no nandotoanao ny tany, **3** Ka dia voasakana ny orana mivatravatra, sady tsy tonga ny fara-orana; Ary ny handrinao dia handrin' ny vehivavy janga ka tsy manan-kenatra. **4** Moa tsy hitaraina amiko va ianao amin' izao sisa izao hoe: Ry Raiko ô, Hianao no nahazatra ahy, hatry ny fony aho mbola tanora? **5** Ho tezitra mandrakizay va Izy? Hitahiry fahatezerana hatamin' ny farany va Izy? Indro, efa niteny toy izany ianao, nefa nanao izany ratsy izany ihany ka nahatanteraka izany. **6** Ary hoy Jehovah tamiko tamin' ny andro nanjakan' i Josia mpanjaka: Moa efa hitanao va izay nataon' Isiraely mpiodina? Niakatra ho eny amin' ny tendrombohitra avo rehetra sy ho eny ambanin' ny hazo maitso rehetra izy ka nijangajanga teny. **7** Ary nataoko fa rehefa nanao izany rehetra izany izy, dia hiverina amiko. Kanjo tsy niverina izy. Ary Joda mpivadika rahavaviny dia nahita izany. **8** Ary hitako fa na dia efa nisaorako aza Isiraely mpiodina ka nomeko taratasy fisaorana noho ny fijangajangana, dia tsy nety natahotra Joda mpivadika rahavaviny na dia izany aza, fa nandeha nijangajanga koa izy. **9** Ary tamin' ny fihorakorahan' ny fijangajangany no nandotoany ny tany, ary nijangajanga tamin' ny vato sy ny hazo izy. **10** Fa na dia izany rehetra izany aza dia tsy nety niverina tamiko tamin' ny fony rehetra Joda mpivadika rahavaviny, fa tamin' ny fihatsarambelatsihy ihany, hoy Jehovah. **11** Ary hoy Jehovah tamiko: Isiraely mpiodina dia hita fa marimarina kokoa noho Joda mpivadika. **12** Mandehana, ka torio manatrika ny avaratra izao teny izao hoe: Miverena ianao, ry Isiraely mpiodina, hoy Jehovah; Tsy hampanjombona ny tavako aminareo Aho; Fa mamindra fo Aho, hoy Jehovah, ka tsy hitahiry fahatezerana mandrakizay. **13** Kanefa kosa ekeo ny helokao, fa tamin' i Jehovah Andriamanitrao no niodinanao, ary nivezivezy nankany amin' ny hafa ianao. Teny ambanin' ny hazo maitso rehetra, fa tsy mba nihaino ny feoko ianareo, hoy Jehovah. **14** Miverena, ry zaza mpiodina, hoy Jehovah, fa Izaho ihany no vadinareo; Ary hangalako iray isan-tanàna ianareo Sy roa isam-pokony, ka ho entiko ho any Ziona ianareo; **15** Dia homeko mpitondra araka ny sitrapoko ianareo. Izay hitondra anareo amin' ny fahalalana sy ny fahendrena. **16** Koa rehefa mitombo sy mihamaro amin' ny tany ianareo, dia amin' izany andro izany, hoy Jehovah, no tsy hanaovany intsony hoe: Ny fiaran' ny faneken' i Jehovah; Ary tsy hosaintsaininy akory izany, sady tsy hahatsiaro na ho manina izany izy, na hanao fiara intsony. **17** Amin' izany andro izany no hanononana an' i Jerosalema hoe Seza fiandrianan' i Jehovah; Ary hivory any ny jentilisa rehetra noho ny anaran' i Jehovah any Jerosalema, ary izy tsy handeha intsony araka ny ditry ny fo ratsiny. **18** Amin' izany andro izany ny taranak' i Joda sy ny taranak' Isiraely dia hiara-mandeha, ka hiara-tonga avy any amin' ny tany avaratra izy ho any amin' ny tany nomeko ny razanareo ho lovany. **19** Ary Izaho efa nanao hoe: He! fa hataoko isan-janako ianao ka homeko tany mahafinaritra, dia lova izay tena endriky ny firenena. Eny, hoy Izaho: Hianao hanao Ahy hoe Raiko, ka tsy hiala amin' ny fanarahana Ahy. **20** Kanefa toy ny vehivavy misintaka miala amin' ny lahy, dia toy izany tokoa no nisintahanareo niala tamiko,

ry taranak' Isiraely, hoy Jehovah. **21** Injay! feo re any an-tendrombohitra mangadihady, dia fitomaniana amampitarainan' ny Zanak' Isiraely; Fa nivilivily tamin' ny nalehany izy ary nanadino an' i Jehovah Andriamaniny. **22** Miverena ianao, ry zaza mpiodina, fa hositraniko ny fiodinanareo. Indreto, manatona Anao izahay, fa Hianao Jehovah no Andriamanitray. **23** Foana tokoa ny horakoraka any amin' ny tendrombohitra sy ny havoana; Marina fa ao amin' i Jehovah Andriamanitray ny famonjena ny Isiraely. **24** Fa lanin' ilay mampahamenatra hatramin' ny fahazazanay ny zavatra efa nisasaran' ny razanay, dia ny ondry aman' osiny sy ny ombiny, ny zananilahy sy ny zananivavy. **25** Aoka handry ao amin' ny henatray izahay. Ary aoka hanarona anay ny fahafaham-boninahitray, satria tamin' i Jehovah Andriamanitray no efa nanotanay dia izahay sy ny razanay, hatramin' ny fahazazanay ka ambaraka androany sady tsy nihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitray izahay.

4 Raha hiverina ianao, ry Isiraely, hoy Jehovah, dia ho amiko no hiverenanao, ary raha hanaisotra ny fahavetavetanao tsy ho eo imasoko ianao, dia tsy hivezivezy foana, **2** Fa hianiana amin' ny hitsiny sy ny rariny ary ny fahamarinana hoe: Raha velona koa Jehovah, dia Izy no holazain' ny firenena ho fahasambarany, ary Izy no ho reharehany. **3** Fa izao no lazain' i Jehovah amin' ny Joda sy Jerosalema: Hevoy ny tombamborakareo, fa aza mamafy amin' ny tsilo. **4** Miforà ho an' i Jehovah ianareo, eny, forao ny fonareo, ry Joda sy ry mponina any Jerosalema! Fandrao hiseho toy ny afo ny fahatezerako noho ny faharatsian' ny ataonareo ka hirehitra, sady tsy hisy hamono azy. **5** Ambaraonareo ao amin' ny Joda, ary torio ao Jerosalema, ka ataovy hoe: Tsofy ao amin' ny tany ny anjomara; Miantsoantsoa mafy, ka ataovy hoe: Mivoria ianareo, ka andeha isika hiditra amin' ny tanàna mimanda. **6** Manangàna faneva manandrify an' i Ziona; Mandosira faingana, aza mijanona; Fa Izaho hahatonga loza sy fandringanana be avy any avaratra. **7** Misy liona miakatra avy any anaty kirihitrala, ary ilay mpanimba ny firenena dia efa miainga, efa mivoaka avy amin' ny fitoerany hahafoana ny taninao, ary hahalao ny tanànanao, ka tsy hisy mponina. **8** Ary noho izany dia misikìna lamba fisaonana ianareo, ka mitomania sy midradradradrà; Fa ny firehetan' ny fahatezeran' i Jehovah tsy afaka amintsika. **9** Ary amin' izany andro izany, hoy Jehovah, dia ho very hevitra ny mpanjaka sy ny lehibe, ary ho kepoka ny mpisorona, sy ho gaga ny mpaminany. **10** Dia hoy izaho: Indrisy, Jehovah Tompo ô! Efa nofitahinao tokoa ity firenena ity sy Jerosalema tamin' ny nanaovanao hoe: Hisy fiadanana ho anareo; Kanjo mihatra amin' ny aina ny sabatra. **11** Amin' izany andro izany dia holazaina amin' ity firenena ity sy Jerosalema hoe: Hisy rivo-mahamay avy any an-tendrombohitra mangadihady any an-efitra hankamin' ny oloko zanakavavy, kanefa tsy hikororohana na hanadiovana. **12** Dia ho tonga avy amiko izay rivotra mahery noho ireny; Ary ankehitriny Izaho kosa hifandahatra aminy. **13** Indro, avy toy ny rahona izy, Ary tahaka ny tadio ny kalesiny, faingana noho ny voromahery ny soavaliny; Lozantsika! fa lany ringana isika. **14** Ry Jerosalema, sasao ny fonao ho afaka amin' ny ratsy, mba hovonjena ianao! Mandra-pahoviana no hitoeran' ny hevi-dratsinao ao amponao? **15** Fa injany! misy feo manambara avy any Dana sy filazam-pahoriana avy amin' ny tany havoan' i Efraima, **16** Lazaonareo amin' ny firenena, torio amin' i Jerosalema hoe: Misy mpanao fahirano avy any an-tany lavitra ka manakora hamely ny tanànan' ny Joda. **17** Manodidina azy ireo toy ny fanaon' ny mpiandry saha, fa efa niodina tamiko izy, hoy Jehovah. **18** Ny alehanao sy ny asanao no nahatonga izany taminao; Izany no faharatsianao, eny, mangidy izany sady mihatra amin' ny ainao. **19** Endrey ny kiboko! Endrey izany kiboko! Manaintaina aho; Endrey! mila ho triatra izany ny foko! Mitoloko ny foko, ka tsy mahay mangìna aho; Fa ny feon' anjomara sy ny akoran' ady dia renao, ry fanahiko. **20** Fandravana mifanontona no ambara, rava ny tany rehetra; Rava tampoka ny laiko, eny, rava indray mipimaso monja ny ambain-daiko. **21** Mandra-pahoviana re no mbola hijereko ny faneva sy handrenesako ny feon' anjomara? **22** Fa adala ny oloko, Izaho tsy mba fantany; Zaza tsy misy saina izy sady tsy manam-pahalalana; Raha ny hanao ratsy, dia hendry izy; Fa ny hanao soa kosa tsy fantany. **23** Nojereko ny tany, ka, indro, tsy nisy endrika izy sady foana, ary ny lanitra koa, ka, indro, tsy nanampahazavana izy; **24** Nojereko ny tendrombohitra, ka, indro, nihorohoro izy, ary ny havoana rehetra nihozongozona; **25** Nojereko, ka, indro, tsy nisy olona, ary ny voro-manidina rehetra efa nandositra; **26** Nojereko, ka, indro, ny saha mahavokatra aza efa tonga efitra, ary ny tanànany rehetra dia rava teo anatrehan' i Jehovah, dia teo anoloan' ny firehetan' ny fahatezerany. **27** Fa izao no lazain' i Jehovah: Ho lao ny tany rehetra, nefa tsy dia holevoniko avokoa izy. **28** Noho izany dia hisaona ny tany, ary ho tonga mainty ny lanitra ambony, satria efa niteny izany Aho, sady efa nikasa izany ka tsy hanenina na hanatsoaka izany. **29** Noho ny fihorakoraky ny mpitaingin-tsoavaly sy ny mpandefa tsipìka dia efa mandositra avokoa ny tanàna rehetra; Mitsofoka any anatin' ny kirihitrala sy mananika ny vatolampy izy; Lao avokoa ny tanàna rehetra, ka tsy misy mponina intsony ao. **30** Ary hanao ahoana ianao, ry ilay rava? Na dia miakanjo jaky aza ianao, na dia miravaka volamena aza ianao, na dia hosoranao loko mainty aza ny masonao, foana ny itadiavanao hahatsara tarehy anao; Hanifika anao ireo lehilahy tia anao, ka ny ainao aza no hotadiaviny. **31** Fa efa nandre feo Aho tahaka ny vehivavy raha miteraka sy fidridridridriana tahaka ny vehivavy izay vao miteraka ny matoany, dia ny feon' i Ziona zanakavavy, izay misefosefo sady mamelatra ny tànany ka manao hoe: Lozako! Fa reraka ny aiko azon' ireo mpamono olona.

5 Miveziveze eny an-dalamben' i Jerosalema ianareo, ka izahao sy fantaro ary tadiavo ao an-kalalahana, fa raha mba misy olona hitanareo, izay manao ny marina sy mitady ny hitsiny, dia havelako ny helok' i Jerosalema. **2** Ary na dia misy aza manao hoe: Raha velona koa Jehovah, dia entiny mianian-tsy tô izany. **3** Jehovah ô, tsy mijery ny toe-panahy mahatoky va ny masonao? Namely azy Hianao, nefa tsy

nahatsiaro naharary izy; Nandany azy Hianao, nefa tsy nety nino anatra izy; Nohamafisiny mihoatra noho ny harambato ny tarehiny, tsy nety niverina izy. **4** Ka dia hoy izaho: Olona ambany ireto; Adala izy fa tsy mahalala ny lalan' i Jehovah, na ny fitsipik' Andriamaniny; **5** Handeha ho any amin' ny lehibe aho lahy ka hiteny aminy, fa ireny dia mahalala ny lalan' i Jehovah sy ny fitsipik' Andriamaniny; Kanjo ireny koa aza dia samy efa nanapaka zioga sy nanito fatorana. **6** Koa noho izany dia mamely azy ny liona avy any an' ala, ary mandringana azy ny amboadia avy any an-efitra, ny leoparda miandry hamely ny tanànany, ka izay rehetra mivoaka avy ao dia viraviraina; Fa efa maro ny fahadisoany, ary fatratra ny fiodinany. **7** Koa nahoana Aho no hamela ny helokao? Efa nahafoy Ahy ny zanakao ka efa nianiana tamin' izay tsy Andriamanitra; Efa nampianianiko izy, nefa nijangajanga ihany ka nirohitra niditra tao an-tranon' ny vehivavy janga. **8** Tahaka ny soavaly tsara fahana izy ka nikarenjy tamin' izay tiany, samy naneno tamin' ny vadin' ny namany avy. **9** Tsy hovaliako va izy amin' izany? hoy Jehovah; Ary tsy hialako fo va ny firenena toy izany? **10** Miakara eo amin' ny mandany ianareo, ka mameleza, nefa aza dia levonina avokoa izy; Esory ny sakeliny, satria tsy an' i Jehovah izy. **11** Fa efa nivadika tamiko mihitsy ny taranak' Isiraely sy ny taranak' i Joda, hoy Jehovah. **12** Nahafoy an' i Jehovah izy ka nanao hoe: Tsy Izy no izy; Tsy hisy loza hanjo antsika, ary tsy hahita sabatra na mosary isika; **13** Ny mpaminany dia hanjary rivotra, ary tsy ao am-pony Ilay miteny; Eny, izany no hanjo azy. **14** Koa izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny maro. Noho ny nanaovanareo izany teny izany, indro, hataoko afo ny teniko izay eo am-bavanao, ary ity firenena ity ho kitay hazo ka holevoniny. **15** Indro, efa hitondra firenena avy lavitra Aho hamely anareo, ry taranak' Isiraely, hoy Jehovah, dia firenena mateza hery, Firenena hatry ny ela, Firenena izay tsy fantatrao ny fiteniny, ka tsy ho azonao izay lazainy. **16** Ny tranon-jana-tsipìkany dia tahaka ny fasana misokatra; Izy rehetra dia samy lehilahy mahery avokoa. **17** Ary hohaniny ny vokatrao sy ny haninao, hohaniny ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy, hohaniny ny ondry aman' osinao sy ny ombinao, hohaniny ny voalobokao sy ny aviavinao, sady horavany amin' ny sabatra ny tanàna mimanda izay itokianao. **18** Nefa na dia amin' izany andro izany aza, hoy Jehovah, tsy dia holevoniko avokoa ianareo. **19** Ary raha hoy izy: Nahoana Jehovah Andriamanitsika no dia nanao izany rehetra izany tamintsika? Dia hovalianao hoe: Toy ny nahafoizanareo Ahy sy ny nanompoanareo andriamani-kafa teo amin' ny taninareo no hanompoanareo ny firenen-kafa any amin' ny tany izay tsy anareo. **20** Ambarao ao amin' ny taranak' i Jakoba, ary torio ao amin' ny Joda hoe: **21** Henoy izao, ry firenena adala sady tsy manan-tsaina, izay mana-maso, fa tsy mahita, ary manan-tsofina, fa tsy mandre: **22** Izaho va tsy atahoranareo? hoy Jehovah; Tsy mangovitra va ianareo eo anatrehako, izay nanao ny fasika ho fefin' ny ranomasina, dia fetra mandrakizay tsy azony hihoarana? Ka na dia mitopatopa aza ny onjany, dia tsy mahavaky azy, ary na dia mirohondrohona aza, dia tsy mahahoatra azy. **23** Fa ity firenena ity dia manana fo maditra sy miodina; Mihodìna izy ka lasa, **24** Ary tsy manao anakampo akory hoe: Aoka isika hatahotra an' i Jehovah Andriamanitsika, izay mandatsaka ranonorana, dia ny loha-orana sy ny fara-orana amin' ny fotoany avy; Ary ireo herinandro voatendry ho amin' ny fararano dia tandremany ho antsika. **25** Ny helokareo no nampiala izany, ary ny fahotanareo no misakana ny soa tsy ho azonareo. **26** Fa misy hita fa ratsy fanahy ny oloko; Mamitsaka sy mijoko toy ny mpamandri-borona izy, mamela-pandrika izy, ka olona no azony. **27** Toy ny tranom-borona feno vorona no mahafeno fitaka ny tranony; Ary noho izany dia tonga lehibe sy mpanankarena izy. **28** Efa mihatavy izy ka mandimandina, dia mihoa-pampana amin' ny fanaovan-dratsy; Tsy mety mitsara ady mba hahazoan' ny kamboty ny rariny izy, ary ny adin' ny malahelo tsy mba tsarainy. **29** Tsy hovaliako amin' izany va izy? hoy Jehovah; Tsy hialako fo va ny firenena toy izany? **30** Zava-mahagaga sy mahatsiravina no atao eo amin' ny tany; **31** Ny mpaminany maminany lainga, ny mpisorona: manapaka araka izay atoron' ireny, ary ny oloko mankasitraka izany; Koa hanao ahoana re ianareo any am-parany?

6 Hianareo, zanak' i Benjamina, mandosira faingana hiala an' i Jerosalema, ary tsofy ao Tekoa ny anjomara, ka manaova tsangan' afo ao Beti-hakerema; Fa misy loza sy fandringanana be miposaka avy any avaratra. **2** Ziona zanakavavy dia ampitoviko amin' ny fiandrasan-ondry misy ahitra milenodenoka. **3** Ao aminy no alehan' ny mpiandry sy ny ondry; Haoriny manodidina azy ny lainy, ka samy handany ny ao akaikiny avy izy. **4** Mitaova ianareo hanao ady masìna hamelezana azy; Mitsangàna, ka andeha isika hiakatra antoandro. Lozantsika! fa lasan-davitra ny andro, ka efa mandroso ny aloky ny hariva. **5** Mitsangàna, ka andeha isika hanao latsak' alina, ary aoka horavantsika ny trano-beny. **6** Fa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro; Kapao ny hazo, ary manandrata tovon-tany hamelezana an' i Jerosalema; Io ilay tanàna hovaliana, feno fampahoriana ny ao anatiny. **7** Toy ny loharano mampiboiboika ny ranony no ampiboiboihany ny faharatsiany; An-keriny sy fandravana no re ao aminy; Eo anatrehako mandrakariva ny fahareriana sy ny faharatrana. **8** Minoa anatra ianao, ry Jerosalema, fandrao miombotra miala aminao ny fanahiko, ary fandrao hataoko tany lao ianao, dia tany tsy honenana. **9** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Hotsimponina fatratra toy ny fitsimpona voaloboka izay sisa amin' ny Isiraely; Avereno ho amin' ny sakeliny ny tananao toy ny mpioty voaloboka. **10** Iza no hilazako sy hanariko mba handrenesany? Indro, ny sofiny dia tsy voafora, ka tsy mahahaino izy; He! tsatsoiny ny tenin' i Jehovah ka tsy ankamaminy. **11** Fa ny fahatezeran' i Jehovah mahafeno ahy ka tsy zakako tsindriana intsony! Aidino amin' ny ankizy madinika eny an-dalambe sy amin' ny fiokoan' ny zatovo izany; Fa na lehilahy na vehivavy dia hosamborina avokoa, ary ny anti-panahy mbamin' ny ela niainana koa; **12** Ary ho lasan' ny sasany ny tranony mbamin' ny sahany sy ny vehivavy koa; Fa hahinjitro amin' ny mponina amin' ny tany ny tanako, hoy Jehovah, **13**

Satria izy rehetra, na ny kely na ny lehibe, dia samy fatra-
pila harena avokoa; Na ny mpaminany na ny mpisorona
dia samy mamitaka avokoa. **14** Fa nataotaony foana ny
fanasitranany ny faharatran' ny oloko zanakavavy tamin'
ny nanaovany hoe: Fiadanana, fiadanana; Kanjo tsy misy
fiadanana tsinona! **15** Nomenarina izy noho ny nanaovany
fahavetavetana, nefa tsy mba menatra akory izy ary tsy
mba valahara; Koa ho lavo ao amin' izay lavo izy, amin' ny
andro hamaliako azy dia ho tafintohina izy, hoy Jehovah. **16**
Izao no lazain' i Jehovah: Mijanona eo an-dalana ianareo,
ka izahao, ary anontanio izay lalana masaka hatry ny ela.
Dia izay lalana mankany amin' ny tsara, ka iny no izory,
dia hahita fitsaharana ho an' ny fanahinareo ianareo; Nefa
hoy izy: Tsy hizotra izahay. **17** Ary nasiako mpitily ianareo
hanao hoe: Henoy ny feon' ny anjomara! Nefa hoy ianareo:
Tsy hihaino izahay. **18** Koa henoinareo, ry jentilisa, ary
aoka ho fantatrareo, ry fiangonana, ny hanjo azy. **19** Henoy,
ry tany! Indro, Izaho hahatonga loza amin' ity firenena ity,
dia ny vokatry ny heviny ihany; Fa tsy nihaino ny teniko izy,
ary nolaviny ny lalàko. **20** Nahoana no itondrana ditin-kazo
mani-pofona avy any Sheba Aho sy veromanitra avy any
amin' ny tany lavitra? Tsy sitrako ny fanatitra doranareo, ary
tsy mamiko ny zavatra vonoinareo hatao fanatitra. **21** Koa
izao no lazain' i Jehovah: Indro hasiako fahatafintohinana
eo amin' ity firenena ity, ka dia samy ho tafintohina amin'
izany ny ray mbamin' ny zanany; Ho faty ny olona mbamin'
ny namany. **22** Izao no lazain' i Jehovah: Indro, misy
firenena avy any amin' ny tany avaratra, dia firenena lehibe
mitsangana avy any amin' ny faran' ny tany; **23** Tsipika sy
lefona no entiny, lozabe sady tsy mamindra fo izy; Ny feony
dia mirohondrohona toy ny ranomasina, sady mitaingin-
tsoavaly izy ary voaomana tahaka ny lehilahy ho amin'
ny ady, hamelezana anao, ry Ziona zanakavavy. **24** Efa
renay ny lazany, ka miraviravy tanana izahay; Fahoriana
no mahazo anay, eny, fanaintainana tahaka ny vehivavy
raha miteraka. **25** Aza mivoaka ho any an-tsaha, ary
aza mandeha amin' ny lalambe; Fa manan-tsabatra ny
fahavalo, misy fampangorohoroana manodidina. **26** Ry
oloko zanakavavy, misikìna lamba fisaonana ianao, ary
mihosena lavenona, ka manaova fisaonana toy ny fisaonana
zanakalahy tokana, dia fitomaniana fatratra; Fa ho avy
tampoka amintsika ny mpandringana. **27** Ho mpizaha toetra
ao amin' ny oloko no nanendreko anao, dia ho fiarovana
mafy, mba ho fantatrao sy hizahanao toetra ny alehany.
28 Tena maditra avokoa izy rehetra ka mandehandeha
manaratsy, varahina sy vy izy; Samy mpanao ratsy avokoa
izy rehetra. **29** May ny tafoforana, levon' ny afo ny firaka,
foana ny nandrendrehan' ny mpandrendrika, fa tsy voaisotra
ny ratsy. **30** Ataon' ny olona hoe, volafotsy tsy lany izy,
satria tsy lanin' i Jehovah.

7 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah:
2 Mitsangana eo am-bavahadin' ny tranon' i Jehovah,
ary torio eo izao teny izao, ka ataovy hoe: Mihainoa ny tenin'
i Jehovah ianareo, ry Joda rehetra, izay miditra amin' ireto
vavahady ireto mba hiankohoka eo anatrehan' i Jehovah. **3**
Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry
ny Isiraely: Ataovy tsara ny lalanareo sy ny ataonareo, dia
hamponeniko amin' ity tany ity ianareo. **4** Aza matoky ny
teny lainga hoe: Tempolin' i Jehovah, tempolin' i Jehovah,
Tempolin' i Jehovah ity. **5** Fa raha ataonareo tsara mihitsy
ny lalanareo sy ny ataonareo, ka mitsara marina ny adin'
olona amin' ny namany ianareo, **6** Ary tsy mampahory ny
vahiny sy ny kamboty sy ny mpitondratena, na mandatsaka
rà marina amin' ity tany ity, sady tsy manaraka andriamani-
kafa hahatonga loza aminareo, **7** Dia hamponeniko amin'
ity tany ity ihany ianareo, dia eto amin' ny tany nomeko
ny razanareo, hatramin' ny ela ka ho mandrakizay. **8**
He! ianareo matoky ny teny lainga, nefa tsy mahasoa
tsinona izany. **9** Hay! hangalatra sy hamono olona sy
hijangajanga va ianareo ary hianian-tsy tò sy handoro ditin-
kazo manitra ho an' i Bala sady hanaraka andriamani-
kafa izay tsy fantatrareo? **10** Nefa mbola avy miseho ao
anatrehako amin' ity trano izay efa niantsoana ny anarako
ity ihany ianareo ka manao hoe: Efa voavonjy izahay
mba hanaovana ireto fahavetavetana rehetra ireto! **11**
Moa ataonareo ho zohy fieren' ny jiolahy va ity trano izay
efa niantsoana ny anarako ity? Indro, ny tenako aza dia
mahita izany, hoy Jehovah. **12** Fa mandehana ianareo any
amin' ny fitoerako izay ao Silo, dia ilay nasiako ny anarako
any am-boalohany, ka jereo izay nataoko taminy noho
ny haratsian' ny Isiraely oloko. **13** Koa ankehitriny, hoy
Jehovah, satria nanao izany zavatra rehetra izany ianareo,
ary niteny taminareo Aho, eny, nifoha maraina koa ka niteny
taminareo, nefa tsy nohenoinareo, ary niantso anareo
Aho, nefa tsy novalianareo, **14** Koa dia ho toy ny nataoko
tamin' i Silo no hataoko amin' ny trano izay efa niantsoana
ny anarako sady itokianareo, sy amin' ny fitoerana izay
nomeko anareo sy ny razanareo; **15** Ary hesoriko hiala eto
anatrehako ianareo toy ny nanesorako ny rahalahinareo
rehetra, dia ny taranak' i Efraima rehetra. **16** Koa aza
mivavaka ho an' ity firenena ity ianao, ary aza manandratra
fitarainana sy fivavahana ho azy na mifona amiko; Fa tsy
hihaino anao Aho. **17** Tsy hitanao va ny ataon' ireo any
an-tanànan' ny Joda sy any an-dalamben' i Jerosalema?
18 Ny zaza manangon-kitay, ny ray mandrehitra afo, ary
ny vehivavy mametafeta ny koba hatao mofo ho an' ny
mpanjakavavin' ny lanitra sy hanidinana fanatitra aidina
ho an' ny andriamani-kafa mba hampahasosotra Ahy. **19**
Moa Izaho va no ampahasosorin' ireo, hoy Jehovah, fa
tsy ny tenany ihany mba ho fangaihainy? **20** Koa izao
no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, ny fahatezerako sy ny
fahavinirako haidina amin' ity tany ity, dia amin' ny olona sy
ny biby fiompy sy ny hazo any an-tsaha ary ny vokatry
ny tany; Dia hirehitra izany ka tsy hovonoina. **21** Izao
no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny
Isiraely: Aoka ny fanatitra dorana ho naman' ny fanatitrareo
hafa alatsa-drà, ka mihinàna hena. **22** Fa tsy ny amin' ny
fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa no nitenenako tamin' ny
razanareo na nandidiako azy tamin' ny andro nitondrako azy
nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta; **23** Fa izao kosa no
nandidiako azy: Henoy ny feoko. Dia ho Andriamanitrareo
Aho, ary ianareo ho oloko ka handeha amin' ny lalana
rehetra nandidiako anareo, mba hahitanareo soa. **24** Kanjo

tsy nihaino izy na nanongilana ny sofiny, fa nandeha tamin' ny fisainany sy ny ditry ny fo ratsiny ihany izy dia niamboho, fa tsy mba nanatrika. **25** Hatramin' ny andro nivoahan' ny razanareo avy tany amin' ny tany Egypta ka ambaraka androany dia nirahiko ho any aminareo ihany ny mpaminany mpanompoko rehetra, eny, nifoha maraina koa isan' andro Aho ka naniraka azy mandrakariva. **26** Nefa tsy nihaino Ahy izy ireo sady tsy nanongilana ny sofiny, fa nanamafy ny hatony ka nanao ratsy mihoatra noho ny razany aza. **27** Ary na dia holazainao aminy aza ireo teny rehetra ireo, dia tsy hihaino anao izy; Ary na dia antsoinao aza izy, dia tsy hamaly anao. **28** Koa lazao aminy hoe: Ity no firenena tsy mihaino feon' i Jehovah Andriamaniny sady tsy mino anatra; Very ny fahamarinana, fa afaka tamin' ny vavany. **29** Hetezo ny volonao, ry Jerosalema, ka ario, ary manaova hira fahalahelovana any an-tendrombohitra mangadihady, satria lavin' i Jehovah sy afoiny ny taranaka mahatezitra Azy. **30** Fa manao izay ratsy eo imasoko ny taranak' i Joda, hoy Jehovah, mametraka ny fahavetavetany ao amin' ny trano izay efa niantsoana ny anarako izy mba handoto azy. **31** Ary izy nanorina ireo fitoerana avo any Tofeta, izay ao amin' ny lohasahan' ny taranak' i Hinema, handoroany ny zananilahy sy ny zananivavy amin' ny afo; Nefa zavatra tsy mba nandidiako na tao an-tsaiko akory aza izany. **32** Koa, indro, avy ny andro, hoy Jehovah, izay tsy hanaovana azy intsony hoe Tofeta, na Lohasahan' ny taranak' i Hinoma, fa Lohasaha Famonoana kosa. Ary any Tofeta aza no handevenana noho ny hateren' ny tany. **33** Ary ny fatin' ity firenena ity dia ho fihinan' ny voro-manidina sy ny bibidia, ka tsy hisy hanaitaitra azy. **34** Dia hatsahatro any an-tanànan' ny Joda sy eny an-dalamben' i Jerosalema ny feo mifaly sy ny feo miravoravo, dia ny feon' ny mpampakatra sy ny feon' ny ampakarina; Fa ho lao ny tany.

8 Amin' izany andro izany, hoy Jehovah, dia hofongarina avy ao am-pasana ny taolan' ny mpanjakan' ny Joda sy ny taolan' ny lehibeny sy ny taolan' ny mpisorona sy ny taolan' ny mpaminany ary ny taolan' ny mponina any Jerosalema, **2** ka haeliny eo anatrehan' ny masoandro sy ny volana ary ny kintana rehetra eny amin' ny lanitra, izay efa tiany sy notompoiny sy efa narahiny sy efa notadiaviny ary efa niankohofany teo anatrehany: tsy hangonina na halevina intsony ireny, fa hatao zezika eny ambonin' ny tany. **3** Ary ny sisa rehetra amin' ity taranaka ratsy ity, izay mbola sisa any amin' ny tany rehetra nandroahako azy, dia haniry ny ho faty noho ny ho velona, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **4** Ary koa, lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Ho lavo va ny olona ka tsy hiarina? Hihodina hivily va ny olona ka tsy hitodika hiverina? **5** Nahoana ity firenena eto Jerosalema ity no miodina amin' ny fiodinana tsy mety mitsahatra? Mikikitra mafy amin' ny fitaka izy ka tsy mety miverina. **6** Nihaino Aho, ka nandre, fa manao teny tsy marina izy: Ary tsy misy manenina ny amin' ny haratsiany hoe: Endrey izany nataoko izany! Izy rehetra dia samy mivily mankamin' ny alehany avy tahaka ny soavaly miriotra ho amin' ny ady. **7** Na dia ny vano eny amin' ny lanitra aza dia mahalala ny fotoan' androny, ary ny domohina sy ny sidintsidina ary ny vanobe koa samy mitandrina ny fotoana fihaviany; Fa ny oloko kosa tsy mba mahalala ny fitsipik' i Jehovah. **8** Ahoana no anaovanareo hoe: Hendry izahay, ary ato aminay ny lalàn' i Jehovah? Nefa ny fanoratan-daingan' ny mpanoratra mahatonga azy ho lainga. **9** Mahazo henatra ny hendry, raiki-tahotra sy voasambotra izy; Indro, ny tenin' i Jehovah dia nolaviny, ka inona intsony no fahendrena ananany? **10** Ary noho izany dia homeko ho an' ny sasany ny vadiny, ary ny sahany ho an' izay maka azy, satria izy rehetra, na ny kely na ny lehibe, dia samy fatra-pila harena, na mpaminany na mpisorona dia samy mamitaka avokoa. **11** Fa nataotaony foana ny fanasitranany ny faharatran' ny oloko zanakavavy tamin' ny nanaovany hoe: Fiadanana, fiadanana; Kanjo tsy misy fiadanana tsinona! **12** Nomenarina izy noho ny nanaovany fahavetavetana, nefa tsy mba menatra akory izy, ary tsy mba valahara; Koa ho lavo ao amin' izay lavo izy, amin' ny andro hamaliana azy dia ho tafintohina izy, ho Jehovah. **13** Hakifako tokoa izy, hoy Jehovah; Tsy mamoa ny voaloboka, ary tsy misy voany ny aviavy, malazo ny raviny; Ary nanendry izay hanafika azy Aho. **14** Nahoana isika no mbola mipetra-poana? Mivoria ianareo, ka andeha isika hiditra any an-tanàna mimanda, ka dia ho faty ao; fa Jehovah Andriamanitra efa nanendry antsika ho faty ka nanome rano mangidy hosotrointsika Noho ny nanotantsika tamin' i Jehovah. **15** Nanantena fiadanana isika, kanjo tsy nahita soa; Ary andro fanasitranana, fa indro fampitahorana. **16** Ny fiefonefon' ny soavaly dia re hatrany Dana: Mihorohoro ny tany rehetra noho ny fanenon' ny soavaly matanjaka; Fa avy izy ka mandany ny tany mbamin' ny izay rehetra ao aminy, dia ny tanàna sy izay monina ao. **17** Fa indro Aho handefa bibilava hamely anareo, dia menarana izay tsy azon' ody, ka hanaikitra anareo ireny, hoy Jehovah. **18** Indrisy! enga anie ka hisy fahamiramiranana ho ahy eto amin' ny alaheloko, fa reraka ny foko ato anatiko. **19** Injany! misy feo fitarainan' ny oloko zanakavavy hatrany amin' ny tany lavitra hoe: Moa Jehovah tsy ao Ziona va? Ary tsy ao aminy va ny Mpanjakany? Nahoana no nahatezitra Ahy ireny tamin' ny sarin-javatra voasokitra ao aminy sy tamin' ny zava-poana avy amin' ny firenena hafa? **20** Lasa ny fararano, tapitra ny taom-piotazana, nefa tsy voavonjy isika. **21** Torotoro aho noho ny fahatorotoroan' ny oloko zanakavavy; Misaona aho, ary horohoro no mahazo ahy. **22** Moa tsy misy balsama va any Gileada? Moa tsy misy dokotera va any? Koa nahoana no tsy tanteraka ny fanasitranana ny oloko zanakavavy?

9 Enga anie ka ho rano ny lohako, ary ho loharanon-dranomaso ny masoko, mba hitomaniako andro aman' alina noho ny voavono amin' ny oloko zanakavavy! **2** Enga anie ka hahita fitoerana any an-efitra aho tahaka ny fitoeran' ny mpandeha! Dia hahafoy ny fireneko aho ka hiala aminy, satria mpijangajanga avokoa izy rehetra, eny, mpivadika miray tetika izy. **3** Manenjana ny lelany toy ny fanenjana tsipìka izy mba handefa lainga. Ary tsy araka ny marina no mahahery azy etỳ ambonin' ny tany; Fa mandroso amin' ny ratsy ka hatramin' ny ratsy izy, ary Izaho tsy mba fantany,

hoy Jehovah. **4** Samia miaro tena amin' ny namany avy ianareo. Ary aza misy matoky olona na dia ny rahalahy aza; Fa ny rahalahy rehetra dia mamingana tokoa, ary ny namana rehetra mandehandeha manaratsy. **5** Izy rehetra samy mamitaka ny namany avy, ka tsy misy miteny marina; Mampianatra ny lelany handainga izy ary manasa-tena amin' ny fanaovan-dratsy. **6** Ny fonenanao dia ao anatin' ny fitaka; Fitaka no nandavany tsy hahalalana Ahy, hoy Jehovah. **7** Koa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Indro, handrendrika sy hizaha toetra azy Aho; Fa ahoana no hataoko noho ny amin' ny oloko zanakavavy? **8** Zana-tsipìka mahafaty ny lelany ka miteny fitaka; Raha amin' ny vavany, dia miteny fihavanana amin' ny namany izy, kanjo ao anatiny kosa dia manao otri-po. **9** Tsy hovaliako va izy amin' izany zavatra izany? hoy Jehovah, tsy hialako fo va ny firenena toy izany? **10** Noho ny amin' ny tendrombohitra no hitomaniako sy hidradradrako, ary noho ny amin' ny kijana any an-efitra no hanaovako hira fa halahelovana, satria may izy, ka tsy misy mandeha mamaky eo aminy, ary tsy misy fimàmàn' omby re intsony, ary na ny voro-manidina na ny bibi-dia samy efa nandositra ka lasa avokoa. **11** Ary Jerosalema dia hataoko korontam-bato sy fonenan' ny amboadia; ary ny tanànan' ny Joda hataoko lao tsy hisy mponina. **12** Iza no olon-kendry mba hahafantatra izao, sady efa nitenenan' ny vavan' i Jehovah mba hanambara izao? Fa nahoana no noravana ny tany sady may ho toy ny efitra, ka tsy misy mandeha mamaky eo aminy? **13** Ary hoy Jehovah: satria nahafoy ny lalàko izay nataoko teo anoloany izy ka tsy nankato izany ary tsy nihaino ny feoko, **14** Fa nandeha araka ny ditry ny fony sy nanaraka ireo Bala araka izay nampianarin' ny razany azy, **15** Dia izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, hofahanako zava-mahafaty ity firenena ity sy hampisotroiko rano mangidy; **16** Ary haeliko any amin' izay jentilisa tsy fantany na fantatry ny razany izy; Ary hampanenjehiko azy ny sabatra ambara-pandaniko azy. **17** Izao no lazain' i Jehovah. Tompon' ny maro: Mihevera tsara, ka antsoy ireny vehivavy mpanao hira fahalahelovana mba ho avy; Eny, ampanalao ireny vehivavy mahay mba ho tonga; **18** Ary asaovy haingana ireny hanandratra fidradradradrana ho antsika, mba hampijojy ny ranomasontsika sy hampivarina ny ranomaso avy amin' ny hodimasontsika. **19** Fa misy feo midradradradra re any Ziona hoe: Indrisy! rava isika; Afa-baraka indrindra isika, satria tsy maintsy mamoy ny tany, fa efa narodana ny trano nitoerantsika. **20** Nefa mihainoa ny tenin' i Jehovah, ianareo vehivavy, ary aoka hohenoin' ny sofinareo ny tenin' ny vavany, ka ampianaro fidradradradrana ny zanakavavinareo, ary samia mampianatra hira fahalahelovana ny namany avy. **21** Fa ny fahafatesana efa nananika ny varavarankelintsika ka niditra tao an-dapantsika, mba handringana ny ankizy madinika tsy ho eny an-dalambe sy ny zatovo tsy ho eny an-kalalahana. **22** Ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Hiampatrampatra ny fatin' ny olona ka ho tonga tahaka ny zezika eny an-tsaha sy tahaka ny amboara nilaozan' ny mpijinja, Izay tsy misy manangona azy. **23** Izao no lazain' i Jehovah: Aoka ny hendry tsy hirehareha amin' ny fahendreny, ary aoka ny mahery tsy hirehareha amin' ny heriny, ary aoka ny manan-karena tsy hirehareha amin' ny hareny; **24** Fa izay te-hirehareha dia aoka hirehareha amin' izao: Dia ny fahendreny sy ny fahalalany Ahy ho Jehovah, Izay manao famindram-po sy fitsarana marina ary fahamarinana etỳ ambonin' ny tany; fa izany no sitrako, hoy Jehovah. **25** Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, izay hamaliako ny voafora rehetra mbamin' ny tsy voafora koa, **26** Dia Egypta sy Joda sy Edoma sy ny taranak' i Amona ary Moaba mbamin' izay rehetra voahety sisim-bolo, izay monina any an-efitra; Fa ny jentilisa rehetra dia tsy voafora, ary ny taranak' Isiraely rehetra kosa dia tsy voafora fo.

10 Henoy ny teny izay lazain' i Jehovah aminareo, ry taranak' Isiraely! **2** Izao no lazain' i Jehovah: Aza mianatra ny fanaon' ny jentilisa; Ary aza matahotra ireo famantarana eny amin' ny lanitra; Fa ny jentilisa no matahotra izany. **3** Fa ny fanaon' ny firenena dia zava-poana; Fa hazo nokapaina tany an' ala ireny, dia asan-tànan' ny mpiasa amin' ny famaky; **4** Volafotsy sy volamena no an-dravahany azy, ary hombo sy tantanana no entiny manamafy azy, mba tsy hihetsiketehany. **5** Toy ny hazo voasana ho sari-drofia izy, fa tsy mahateny; Ary entina ihany izy, fa tsy mba afa-mandeha; Aza matahotra azy, fa tsy mahatonga loza izy sady tsy mahay manisy soa. **6** Tsy misy tokoa izay tahaka Anao, Jehovah ô; Lehibe Hianao, ary lehibe amin' ny hery ny anaranao. **7** Iza no tsy hatahotra Anao, ry Mpanjakan' ny firenena! Fa Hianao no iendrehan' izany, eny, amin' ny hendry rehetra amin' ny firenena sy amin' ny fanjakany rehetra dia tsy misy tahaka Anao. **8** Fa ketrina sy adala avokoa izy rehetra; He! fananaram-poana! fa tapa-kazo ihany. **9** Volafotsy voafisaka nalaina avy tany Tarsisy sy volamena avy tany Ofaza Izany, asan-tanan' ny mpiasa sy ny mpanefy volamena; Lamba manga sy volomparasy ny fitafiany; Asan' ny mahay zavatra izy rehetra. **10** Fa Jehovah no Andriamanitra tokoa, eny, Izy no Andriamanitra velona sy Mpanjaka mandrakizay. Izay mampihorohoro ny tany amin' ny fahatezerany, ka tsy tantin' ny firenena ny fahavinirany **11** (Izao no holazainareo amin' ireny; Ny amin' ny andriamanitra izay tsy mba nanao ny lanitra sy ny tany, dia ho levona tsy ho amin' ny tany na ho atỳ ambanin' ny lanitra ireny) **12** Dia Ilay nanao ny tany tamin' ny heriny sy nampiorina izao tontolo izao tamin' ny fahendreny ary namelatra ny lanitra tamin' ny fisainany. **13** Raha mampirohondrohona ny rano any an-danitra Izy, dia mampiakatra fofona avy any amin' ny faran' ny tany; Manao ny helatra ho amin' ny ranonorana Izy sady mamoaka ny rivotra avy amin' ny firaketany. **14** Efa ketrina avokoa ny olona rehetra ka tsy manam-pahalalana; Menarina noho ny sarin-javatra voasokitra ny mpanefy volamena rehetra; Fa fitaka ny sarin-javatra an-idina, sady tsy misy fofon' aina ao aminy. **15** Zava-poana ireny, dia asa mahatsikaiky foana; Amin' ny andro hamaliana azy dia ho levona izy. **16** Tsy mba tahaka ireo ny Anjaran' i Jakoba; Fa Mpamorona ny zavatra rehetra Izy; Ary ny Isiraely no firenena lovany; Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany. **17** Angony ny korontan' entanao, ka ento hiala amin' ny tany, ry ilay mipetraka ao

amin' ny haterena! **18** Fa izao no lazain' i Jehovah: Indro, hatorako ho indray misidina toy ny vaton' antsamotady ny mponina amin' ny tany, ary hataoko terỳ izy mba hahitany. **19** Mahita loza aho, fa torotoro! Tsy azo sitranina ny feriko; Nefa hoy Izaho: Anjara-fahoriako izao, ka dia hozakaiko ihany. **20** Rava ny laiko, ary tapaka avokoa ny kofehin-daiko; Lasa ny zanako, ka tsy misy intsony, eny, tsy misy hamelatra ny laiko intsony na hanantona ny ambain-daiko. **21** Fa efa ketrina ny mpiandry ondry ka tsy mitady an' i Jehovah; Izany no tsy mahahendry azy, ka dia miely ny ondry andrasany rehetra. **22** Injany! misy siosion-teny hoe: Indro, tamy izy amin' ny fihorakorahana be avy any amin' ny tany avaratra mba hahatonga ny tanànan' ny Joda ho lao sy ho fonenan' ny amboadia. **23** Jehovah ô, fantatro fa tsy an' ny olombelona ny lalan-kalehany, na an' ny mpandeha ny hahalavorary ny diany **24** Jehovah ô, anaro aho, nefa araka ny antonony ihany, fa tsy amin' ny fahatezeranao, fandrao hataonao tonga tsinontsinona aho. **25** Aidino amin' ny jentilisa izay tsy mahalala Anao ny fahatezeranao, dia amin' ny taranaka Izay tsy miantso ny anaranao. Fa efa nihinana an' i Jakoba ireo, eny, nihinana sy nahalevona azy ary nahalao ny fonenany.

11 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah: **2** Mihainoa ny tenin' izao fanekena izao ianareo, ary mitenena amin' ny Joda sy amin' ny mponina any Jerosalema, **3** Ary ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: ho voaozona izay olona tsy mankatò ny tenin' izao fanekena izao, **4** Izay nandidiako ny razanareo tamin' ny andro nitondrako azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, dia avy tao amin' ny memy fandrendreham-by, ka nanaovako hoe: Mihainoa ny feoko, ary mankatoava ireny araka izay rehetra andidiako anareo, dia ho oloko ianareo, ary Izaho kosa ho Andriamanitrareo, **5** Mba hotoviko ny fianianana izay nianianako tamin' ny razanareo, dia ny hanomezana azy tany tondra-dronono sy tantely tahaka ny amin' izao anio izao. Dia namaly aho ka nanao hoe: Ho izany tokoa anie, Jehovah ô! **6** Ary hoy Jehovah tamiko: Torio any an-tanànan' ny Joda sy any an-dalamben' i Jerosalema Izany teny rehetra izany, ka lazao hoe: Henoy ny tenin' izao fanekena izao, ka ankatoavy izy. **7** Fa nananatra mafy ny razanareo Aho tamin' ny andro nitondrako azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta ka ambaraka androany; Eny, nifoha maraina koa Aho ka nananatra hoe: Mihainoa ny feoko. **8** Nefa tsy nihaino izy na nanongilana ny sofiny, fa samy nandeha tamin' ny ditry ny fo ratsiny ihany izy; Ka dia nataoko mihatra aminy ny teny rehetra amin' izao fanekena izao, ilay nasaiko nataony, nefa tsy nataony. **9** Ary hoy koa Jehovah tamiko: Misy tetika fikomiana hita ao amin' ny Joda sy amin' ny mponina any Jerosalema. **10** Fa izy niverina nankamin' ny heloky ny razany, izay tsy nety nihaino ny teniko, ary lasa nanaraka andriamani-kafa izy ka nanompo azy; Ny taranak' Isiraely sy ny taranak' i Joda efa nivadika ny fanekeko, izay nataoko tamin' ny razany. **11** Koa izao no lazain' i Jehovah: Indro, Izaho hahatonga loza aminy, izay tsy azony handosirana; Ary na dia hitaraina amiko aza izy, dia tsy hihaino azy Aho. **12** Dia handeha ny tanànan' ny Joda sy ny mponina any Jerosalema ka hitaraina amin' ireny andriamaniny, izay efa nandoroany ditin-kazo manitra; Nefa ireny tsy hahavonjy azy akory amin' ny andro fahoriany. **13** Fa araka ny isan' ny tanànanao, ry Joda, no isan' ny andriamanitrao, Ary araka ny isan' ny lalamben' i Jerosalema no isan' ny alitara naorinareo ho an' ilay mampahamenatra. Dia alitara handoroana ditin-kazo manitra ho an' i Bala. **14** Koa aza mivavaka ho an' ity firenena ity ianao, ary aza manandratra fitarainana na fifonana ho azy; Fa amin' ny andro izay hitarainany amiko noho ny fahoriany dia tsy hihaino azy Aho. **15** Hanao inona ao an-tranoko ny malalako fa efa namoron-tsain-dratsy niaraka tamin' ny maro izy, ary ny hena masìna dia esorina aminao; Raha azon-doza ianao, mifalia ary! **16** Hazo oliva maitso sady misy voany maha-te-hizaha no nataon' i Jehovah anaranao; Tamin' ny fihorakorahana be no nandrehetany afo taminy, ary notapahina ny rantsany. **17** Fa Jehovah, Tompon' ny maro, Izay namboly anao, no nanambara ny loza hanjo anao, noho ny ratsy nataon' ny taranak' Isiraely sy ny taranak' i Joda, Izay nahavoa ny tenany ka nahatezitra Ahy. Dia tamin' ny nandoroany ditin-kazo manitra ho an' i Bala. **18** Ary nampahafantarin' i Jehovah aho, ka dia nahalala; Tamin' izany dia nasehonao ahy ny fanaony. **19** Fa izaho dia tahaka ny zanak' ondry bonaika, izay entina hovonoina; Ary tsy fantatro fa izao no tetika nataony namelezany ahy: Aoka hosimbantsika ny hazo mbamin' ny voany, ary aoka hofongorantsika hiala amin' ny tanin' ny velona izy, mba tsy hotsarovana intsony ny anarany. **20** Nefa, ry Jehovah, Tompon' ny maro ô, Izay mitsara marina ka mamantatra ny voa sy ny fo aoka ho hitako ny famalianao azy; Fa aminao no efa nanankinako ny adiko. **21** Koa izao no lazain' i Jehovah ny amin' ny mponina ao Anatota, izay mitady ny ainao ka manao hoe: Aza maminany amin' ny anaran' i Jehovah, fandrao matin' ny tananay ianao, **22** izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Indro, hovaliako Izy, ka ny zatovo ho fatin-tsabatra, ary ny zananilahy sy ny zananivavy ho fati-mosary; **23** Ka tsy hisy hiangana izy; Fa hahatonga loza amin' ny mponina ao Anatota Aho amin' ny taona hamaliana azy.

12 Raha mifandahatra aminao aho, Jehovah ô dia Hianao no marina; Nefa kosa aoka ihany mba handahatra aminao aho: Nahoana ary no ambinina ny lalan' ny ratsy fanahy? Nahoana no miadana ny mpiodina rehetra? **2** Nambolenao izy, ka dia miorim-paka; Mitombo izy, ka dia mamoa; Manakaiky Anao amin' ny vavany izy, nefa manalavitra Anao amin' ny fony. **3** Fa Hianao, Jehovah ô, mahalala ahy; Mahita ahy Hianao sady mizaha toetra ny foko ny aminao; Sariho toy ny ondry hovonoina ireny, ary atokàny ho amin' ny andro hamonoana. **4** Mandra-pahoviana no hisaonan' ny tany sy hahalazoan' ny ahitra any amin' ny saha rehetra? Noho ny faharatsian' ny mponina any dia lany ringana ny biby sy ny vorona; Fa hoy ireo: Tsy mba hahita izay hiafarantsika izy. **5** Raha niara-nihazakazaka tamin' ny mandeha an-tongotra ianao ka voany, dia hataonao ahoana no fihaika ny soavaly?

Ary raha eny amin' ny tany miadana no anananao toky, hanao ahoana kosa ianao, raha mby any amin' ny kirihitrala eny amoron' i Jordana? **6** Fa na dia ny rahalahinao sy ny mpianakavin' ny rainao aza dia samy namitaka anao; Eny, niantso mafy teo aorianao ireo; Aza mino azy, na dia tsara fiteny aminao aza izy. **7** Nilaozako ny tranoko, nafoiko ny lovako; Ny sombin' aiko dia natolotro ho eo an-tànan' ny fahavalony. **8** Raha amiko, ny lovako dia efa toy ny liona any an' ala; Mierona amiko izy, ka dia halako. **9** Moa tahaka ny vorona mpihaza hafahafa volo amiko va ny lovako, no mivory manodidina azy ny vorona mpihaza? Avia, ka angòny ny bibi-dia rehetra, ampanatony ireny hihinana. **10** Mpitondra maro no nanimba ny tanimboaloboko, nohitsakitsahiny ny anjarako; Nataony tany efitra lao ny anjarako mahafinaritra; **11** Nataony lao izany, eny, lao izy ka mitomany amiko; Nataony lao avokoa ny tany rehetra, satria tsy nisy nandatsaka am-po. **12** Ny mpandrava dia tonga any amin' ny tendrombohitra mangadihady rehetra any an-efitra; Fa misy sabatr' i Jehovah mandringana amin' ny faran' ny tany ka hatramin' ny farany koa, ka dia tsy misy fiadanana ho an' ny nofo rehetra. **13** Vary no nafafiny, fa tsilo no nojinjany; Nanasatra ny tenany izy, kanjo herimpo very foana izany; Dia hangaihay ny amin' ny zavatra azonareo ianareo noho ny firehetan' ny fahatezeran' i Jehovah. **14** Izao no lazain' i Jehovah ny amin' ireo ratsy fanahy rehetra mifanakaiky fonenena amiko ireo, dia izay mikasikasika ny tany nomeko ho lovan' ny Isiraely oloko: Indro, hongotako tsy ho amin' ny taniny ireo, ary ny taranak' i Joda koa dia hongotako tsy ho eo aminy. **15** Nefa nony efa voaongotra izy, dia hamindra fo aminy indray Aho, ka samy ho entiko mody any amin' ny lovany sy ny taniny avy indray izy. **16** Koa raha mba hianatra ny fanaon' ny oloko tokoa ireo ka hianiana amin' ny anarako hoe: Raha velona koa Jehovah, tahaka ny nampianaran' ireo ny oloko hianiana amin' i Bala, dia haorina ao amin' ny oloko izy; **17** Fa raha tsy hankatò kosa izy, dia hongotako izany firenena izany, eny, hongotako sy haringako izy, hoy Jehovah.

13 Izao no nolazain' i Jehovah tamiko: Andeha mividy fehin-kibo rongony ho anao, ka ifehezo ny kibonao, fa aza atao anaty rano. **2** Dia nividy fehin-kibo aho araka ny tenin' i Jehovah ka nifehezako ny kiboko. **3** Ary tonga tamiko fanindroany ny tenin' i Jehovah hoe: **4** Ento ny fehin-kibo izay novidinao, dia ilay ifehezanao ny kibonao, ka mitsangana, mankanesa any Eofrata, ary afeno ao antsefatsefaky ny harambato izy. **5** Ka dia nandeha aho, ary nafeniko tao amoron' i Eofrata izy, araka ny nandidian' i Jehovah ahy. **6** Ary nony afaka andro maro, dia hoy Jehovah tamiko: Mitsangana, ka mankanesa any Eofrata, ary alao any ny fehin-kibo, dia ilay nasaiko nafeninao tany. **7** Dia nankany Eofrata aho ka nihady, ary nalaiko tao amin' ny fitoerana nanafenako azy ilay fehin-kibo; kanjo, indro, simba ny fehin-kibo ka tsy azo natao na inona na inona intsony. **8** Dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah hoe: **9** Izao no lazain' i Jehovah: Tahaka izany no hanimbako ny avonavon' ny Joda sy ny haben' ny avonavon' i Jerosalema. **10** Ity firenena ratsy ity, izay tsy mety mihaino ny teniko, fa mandeha amin' ny ditry ny fony ka manaraka andriamanikafa mba hotompoiny sy hiankohofany, dia ho tahaka ity fehin-kibo ity, izay tsy azo atao na inona na inona intsony. **11** Fa toy ny firaikitry ny fehin-kibo amin' ny valahan' ny olona no nampiraiketako ny taranak' Isiraely sy ny taranak' i Joda rehetra tamiko, hoy Jehovah, mba ho olona sy anarana sy fiderana ary voninahitra ho Ahy ireny Kanjo tsy nety nihaino izy. **12** Ary izao teny izao dia lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Ny tavoara rehetra dia feno divay; ary izy hanao aminao hoe: Moa tsy efa fantatray ihany va fa feno divay ny tavoara rehetra? **13** Dia holazainao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Indro, hataoko leony ny mponina rehetra amin' ity tany ity, dia ny mpanjaka, izay mipetraka amin' ny seza fiandrianan' i Davida, sy ny mpisorona sy ny mpaminany ary ny mponina rehetra any Jerosalema. **14** Ary hampifamohiko izy, dia ny ray mbamin' ny zanany, hoy Jehovah; Tsy hiantra Aho, na hitsitsy, na hamindra fo tsy handringana azy. **15** Mandrenesa ka mihainoa, aza miavonavona; Fa Jehovah no miteny. **16** Manomeza voninahitra an' i Jehovah Andriamanitrareo, dieny tsy mbola mahatonga ny maizina Izy, ary dieny tsy mbola tafintohina amin' ny tendrombohitra maizimaizina ny tongotrareo, ka raha miandry ny mazava ianareo, dia hataony tonga ho aloky ny fahafatesana, ka hampodiny ho aizim-pito. **17** Fa raha tsy hihaino izany ianareo. Dia hitomany any amin' ny mangingina ny fanahiko, satria misy fiavonavonana; Eny, ny masoko hamarin-dranomaso hijononoka be, satria voababo ny ondrin' i Jehovah. **18** Lazao amin' ny andriamanjaka sy ny reniny hoe: Mitombena amin' ny tany; Fa ho afaka ny firavaka eo an-dohanareo, dia ny satro-boninahitrareo tsara tarehy. **19** Voarindrina ny tanàna any amin' ny tany atsimo, ka tsy misy mamoha; Lasan-ko babo Joda, eny, lasan-ko babo avokoa izy rehetra. **20** Atopazy ny masonareo, ka tazano izay avy any avaratra; Aiza ny ondry andiany izay nomena anao, dia ny ondrinao tsara tarehy? **21** Ahoana re no holazainao, raha tendreny hanapaka anao ireny sakaizanao ireny, fa ianao ihany no nampianatra azy handrafy anao? Tsy hahazo anao va ny fanaintainana toy ny vehivavy raha miteraka? **22** Ary raha manao anakampo ianao hoe: ahoana no nahatonga izao tamiko? Noho ny haben' ny helokao no nampiaingana ny moron-tongotr' akanjonao sy nandratrana ny ombelahin-tongotrao. **23** Moa mahova ny hodiny va ny Etiopiana, ary ny leoparda va mahova ny sorany? Raha izany, dia mahazo manao tsara koa ianareo izay efa zatra nanao ratsy. **24** Koa dia haeliko izy toy ny vodivary indaosin' ny rivotra avy any an-efitra. **25** Izany no lokanao, dia anjara voarefy ho anao, hoy Jehovah, Satria nanadino Ahy ianao ka nitoky tamin' ny lainga. **26** Ary Izaho kosa dia hampiainga ny moron-tongotr' akanjonao ho eny amin' ny tavanao, mba hisehoan' ny henatrao. **27** Ny fijangajanganao sy ny fanenonao, ny fahavetavetan' ny fijejojejoanao any amin' ny havoana any an-tsaha, eny, samy efa hitako avokoa ireo fahavetavetanao ireo. Lozanao, ry Jerosalema! Mandra-pahoviana no mbola tsy hetezanao hanadio ny tenanao?

14 Ny tenin' i Jehovah izay tonga tamin' i Jeremia ny amin' ny mosary. **2** Misaona ny Joda, ary mitanondrika ny vavahadiny; Mitafy lamba fioriana izy ka mipetraka amin' ny tany; Ary miakatra ny fitarainan' i Jerosalema. **3** Ny lehibeny maniraka ny madinika hantsaka rano; Dia tonga any amin' ny lavaka famorian-drano ireny, nefa tsy mahita rano ka miverina mitondra loha mody; Menatra sy mangaihay izy ka misaron-doha. **4** Noho ny fangentan' ny tany, noho ny tsy nilatsahan' ny rananorana taminy, dia menatra ny mpiasa ka misaron-doha. **5** Ary na dia ny dieravavy any an-tsaha aza, raha miteraka, dia mahafoy noho ny tsi-fisian' ny ahi-maitso. **6** Ary ny borikidia mijanona eny an-tendrombohitra mangadihady, mihanahana maniry ny rivotra toy ny amboadia izy; Manjambena ny masony noho ny tsi-fisian' ny ahitra. **7** Ry Jehovah ô, na dia miampanga anay aza ny helokay, miasà ihany Hianao noho ny anaranao; Fa be ny fiodinanay, taminao no nanotanay. **8** Ry Fanantenan' ny Isiraely ô, Mpamonjy azy amin' ny andro fahoriana! Nahoana Hianao no dia toy ny vahiny amin' ny tany ary toy ny mpandeha izay manorin-day handry indray alina monja? **9** Nahoana Hianao no dia toy ny olona ankona ary toy ny lehilahy mahery tsy mahavonjy? Nefa mbola ato aminay ihany Hianao, Jehovah ô, ary ny anaranao dia efa nantsoina taminay; Aza dia mandao anay. **10** Izao no lazain' i Jehovah amin' ity firenena ity: Te-hirenireny toy izao izy, ka tsy mahajanona ny tongony; Tsy sitrak' i Jehovah izy, Ankehitriny dia tsaroany ny helony, ary valiany ny fahotany. **11** Dia hoy Jehovah tamiko: Aza mivavaka ho an' ity firenena ity hahasoa azy. **12** Fa na dia mifady hanina aza izy, dia tsy hihaino ny fitarainany Aho; Ary na dia manatitra fanatitra dorana sy fanatitra hohanina aza izy, dia tsy hankasitraka azy Aho, fa haripako amin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana izy. **13** Dia hoy izaho: Indrisy, Jehovah Tompo ô! Indreo ny mpaminany manao aminy hoe: Tsy hiharan' ny sabatra ianareo, ary tsy ho mosarena; Fa homeko fiadanana maharitra eto amin' ity tany ity ianareo. **14** Dia hoy Jehovah tamiko: Ireo mpaminany ireo dia maminany lainga amin' ny anarako; Tsy naniraka azy Aho, na nandidy azy, na niteny taminy; Fa fahitana mandainga sy faminaniana tsy marina ary tsinotsinona sy fitaky ny fony no aminaniany aminareo. **15** Koa izao no lazain' i Jehovah ny amin' ireo mpaminany izay maminany amin' ny Anarako ireo nefa tsy nirahiko tsinona ka milaza fa tsy hisy sabatra sy mosary eto amin' ity tany ity: Ny sabatra sy ny mosary indrindra no handringanana ireo mpaminany ireo. **16** Ary ny firenena izay aminanian' ireo koa dia hiely faty eny an-dalamben' i Jerosalema noho ny mosary sy ny sabatra, ka tsy hisy mpandevina ireny, na ny tenany, na ny vadiny, na ny zananilahy, na ny zananivavy, fa haidiko ao aminy ny faharatsiany. **17** Koa lazao aminy izao teny izao: Ny ranomasoko hijononoka andro aman' alina ka tsy hitsahatra; Fa ny oloko, zanakavavy virijina, naratra mafy dia mafy tamin' ny kapoka maharary indrindra. **18** Raha mivoaka any an-tsaha aho, dia indreny ny matin-tsabatra! Ary raha miditra ao an-tanàna kosa aho, dia indreo ny anan' ny mosary! Eny, ny mpaminany sy ny mpisorona dia mirenireny mankamin' ny tany tsy fantany. **19** Efa narianao tokoa va Joda? Efa naharikoriko ny fanahinao va Ziona? Nahoana no dia mamely anay Hianao, ka efa tsy mety sitrana izahay? Nanantena fiadanana izahay, kanjo tsy nahita asa, ary andro fanasitranana, fa indro fampitahorana. **20** Jehovah ô, tsaroanay ny faharatsianay sy ny heloky ny razanay; Fa efa nanota taminao izahay. **21** Noho ny amin' ny anaranao dia aza arianao izahay; Aza atao ho tsinontsinona ny seza fiandrianan' ny voninahitrao; Tsarovy, ka aza tsoahanao ny fanekenao taminay. **22** Mba misy mahalatsaka rananorana va ireny sampin' ny jentilisa ireny? Na mahay mandatsaka rananorana mivatravatra va ny lanitra? Fa tsy Hianao ihany va no Izy, ry Jehovah Andriamanitray ô? Koa manantena Anao izahay, satria Hianao no nanao ireo zavatra rehetra ireo.

15 Ary hoy Jehovah tamiko: Na dia Mosesy sy Samoela aza no mitsangana eto anatrehako, dia tsy hankasitraka ity firenena ity ny fanahiko; roahy tsy ho eo anatrehako izy, eny, aoka hiala izy. **2** Ary raha tàhiny izy manao aminao hoe: Hiala hankaiza izahay? dia ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Izay ho amin' ny areti-mandringana dia ho amin' ny areti-mandringana, ary izay ho amin' ny sabatra dia ho amin' ny sabatra, ary izay ho amin' ny mosary dia ho amin' ny mosary, ary izay ho amin' ny fahababoana dia ho amin' ny fahababoana. **3** Ary manendry zavatra efatra karazana Aho hamelezana azy, hoy Jehovah: Dia ny sabatra hamono sy ny amboa hamiravira ary ny voro-manidina sy ny bibi-dia hihinana sy handany; **4** Ary manolotra azy ho mpanjenjena any amin' ny fanjakana rehetra amin' ny tany Aho noho ny amin' i Manase, zanak' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda, dia noho izay nataony tany Jerosalema. **5** Fa iza no hangoraka anao, ry Jerosalema? Ary iza no hitsapa alahelo anao? Ary iza no hivily hanantsafa anao? **6** Hianao efa nahafoy Ahy sady efa nihemotra, hoy Jehovah, ka dia ahinjitro kosa ny tanako hamely anao, ka efa mandringana anao Aho, fa efa sasatra ny mandefitra. **7** Ary kororohiko amin' ny fikororohana izy ho any amin' ny vava-tany; Ary foanako anaka ny oloko, eny, aringako izy tsy mety miala amin' ny fanaony mba hiverina izy. **8** Ny mpitondratenany mihamaro eo imasoko mihoatra noho ny fasika any an-dranomasina; Mitondra mpandringana ho ao aminy Aho handripaka ny renin' ny zatovo, na dia mitataovovonana aza ny andro; Ataoko tonga tampoka aminy ny fanaintainana sy ny tahotra. **9** Izay niteraka fito dia mihaosa, miala aina izy, milentika mbola antoandro ny masoandrony, menarina sy mangaihay izy; Ary izay sisa aminy dia hatolotro ho voan' ny sabatra eo anoloan' ny fahavalony, hoy Jehovah. **10** Lozako, ry neny, ny niterahanao ahy, Izay lehilahy ilana ady sy fifandirana eny amin' ny tany rehetra! Tsy nampanàna vola aho, ary tsy nisy nanàna vola tamiko, nefa ozonin' ny olona rehetra ihany aho. **11** Dia hoy Jehovah: Nahafaka anao Aho hahasoa anao; Hataoko tonga mifona aminao tokoa ny fahavalo amin' ny andro ahitan-doza sy amin' izay andro mahory. **12** Mety tapaka va ny vy, dia ny vy avy any avaratra, na ny varahina? **13** Ny fanananao sy ny rakitrao ao anatin' ny fari-taninao rehetra dia hatolotro ho babo

maimaimpoana noho ny fahotana rehetra izay nataonao; **14** Ary hampitondraiko ny fahavalonao ho any amin' ny tany tsy fantatrao izany; Fa arehitra ny afon' ny fahatezerako, ka handoro anareo no irehetany. **15** Hianao no mahalala, Jehovah ô; Tsarovy aho, ka vangio, ary valio izay manenjika ahy; Aza dia mandefitra aminy Hianao, fandrao ho afaka ny aiko; Aoka ho fantatrao fa noho ny aminao no nitondrako latsa. **16** Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan' ny foko; Fa nantsoina tamin' ny anaranao aho, Jehovah, Andriamanitry ny maro ô. **17** Izaho tsy nipetraka na nifaly teo amin' ny fivorian' ny mpikorana, nitoetra irery aho noho ny fihazonan' ny tananao ahy, fa nofenoinao fahatezerana aho. **18** Nahoana re no dia tsy mety mitsahatra ny fahararian̈ko, ary fatratra ny feriko ka tsy mety sitrana? Ho tonga amiko tahaka ny rano-trambo va Hianao, dia rano tsy azo itokiana? **19** Koa izao no lazain' i Jehovah: Raha hiverina ianao, dia horaisiko indray, ka dia hitsangana eo anatrehako ianao; Ary raha manavaka ny zava-tsoa hiala amin' ny zava-poana ianao, dia ho solom-bavako; Hanatona anao indray ireny; Fa tsy ianao no hanatona azy, **20** Ary hataoko manda varahina mirova ho amin' ity firenena ity ianao: Hiady aminao izy, nefa tsy hahaleo anao; Fa momba anao hamonjy sy hanafaka anao Aho, hoy Jehovah; **21** Ary hanafaka anao amin' ny tanan' ny ity ratsy fanahy Aho sy hanavotra anao amin' ny tanan' ny mpampahory.

16 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah hoe: **2** Aza manam-bady ianao, ary aoka tsy hanan-janakalahy na zanakavavy amin' ity tany ity. **3** Fa izao no lazain' i Jehovah ny amin' ny zanakalahy sy ny zanakavavy izay teraka amin' ity tany ity sy ny amin' ny reniny izay niteraka azy ary ny amin' ny rainy izay niteraka azy amin' ity tany ity koa: **4** Ho fatin' ny loza samy hafa izy, nefa tsy hisaonana na halevina, fa ho zezika eny ambonin' ny tany; ary ho lanin-tsabatra sy mosary izy, ka ho fihinan' ny voro-manidina sy ny bibi-dia ny fatiny. **5** Fa izao no lazain' i Jehovah: Aza miditra amin' ny trano misy fisaonana, ary aza misaona na mitsapa alahelo azy; Fa efa hesoriko tsy ho amin' ity firenena ity ny fiadanako, hoy Jehovah, dia ny famindrampo sy ny fiantrana. **6** Ho faty na ny lehibe na ny kely amin' ity tany ity; Samy tsy halevina na hisaonana izy, na hitetehan' ny sasany tena, na hiboriany; **7** Ary tsy hisy hamahan-kanina azy amin' ny fisaonany, mba hampionona azy ny amin' ny maty; Ary tsy hisy hampisotro azy amin' ny kapoaka fampiononana, raha maty ny rainy na ny reniny; **8** Ary aza miditra ao amin' ny trano misy fanasana koa ianao, hiara-mitoetra aminy hihinana sy hisotro. **9** Fa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, hatsahatro amin' ity tany ity eo imasonareo sy amin' ny andronareo ny feo mifaly sy ny feo miravoravo, dia ny feon' ny mpampakatra sy ny feon' ny ampakarina. **10** Ary raha ambaranao amin' ity firenena ity izany teny rehetra izany, ka hoy izy aminao: Nahoana Jehovah no nilaza izany loza mafy rehetra izany hamelezana anay? Fa inona no helokay, ary inona no fahotanay, izay nanotanay tamin' i Jehovah Andriamanitray? **11** dia lazao aminy hoe: Noho ny nahafoizan' ny razanareo Ahy, hoy Jehovah, sy ny nanarahany andriamani-kafa sy ny nanompoany azy sy ny niankohofany teo anatrehany ary ny nahafoizany Ahy sy ny tsy nitandremany ny lalàko. **12** Ary ny tenanareo koa nanao ratsy mihoatra noho ny razanareo; Fa he! ianareo samy mandeha araka ny ditry ny fo ratsinareo avokoa ka tsy mihaino Ahy; **13** Ka dia horoahiko hiala amin' ity tany ity ianareo ho any amin' ny tany tsy fantatrareo na ny razanareo; Any no hanompoanareo andriamani-kafa andro aman' alina, satria tsy hamindra fo aminareo Aho. **14** Koa, indro, avy any andro, hoy Jehovah, izay tsy hanaovana intsony hoe: Raha velona koa Jehovah, Izay nitondra ny Zanak' Isiraely niakatra avy tany amin' ny tany Egypta; **15** Fa izao kosa: Raha velona koa Jehovah, Izay nitondra ny Zanak' Isiraely niakatra avy tany amin' ny tany avaratra sy avy tany amin' ny tany rehetra izay nandroahany azy; Fa hampodiko ho amin' ny tany izay nomeko ny razany izy. **16** Indro, Izaho haniraka mpamono maro, hoy Jehovah, Izay hamono azy; Ary rehefa afaka izany, dia haniraka mpihaza maro Aho, Izay hihaza azy any amin' ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra ary any an-tsefatsefaky ny harambato. **17** Fa ny masoko dia mijery ny alehany rehetra, ka tsy miafina amin' ny tavako izany, ary tsy takona amin' ny masoko ny helony. **18** Alohan' izany anefa dia hovaliako avy sasaka ny helony sy ny fahotany noho ny nandotoany ny taniko, dia ny namenoany ny lovako tamin' ireo fatin' ny sampiny sy fahavetavetany ireo. **19** Jehovah ô, ry heriko sy fiarovana mafy ho ahy ary fandosirako amin' ny andro fahoriana ô! Ho tonga aminao ny jentilisa avy any amin' ny faran' ny tany dia hanao hoe: Eny, tokoa lainga no nolovan' ny razanay, dia zava-poana sady tsy misy mahasoa. **20** Moa mahay manao andriamanitra ho azy va ny olona? Tsy Andriamanitra ireny. **21** Koa, indro, hampahafantariko azy amin' izao indray mandeha izao, eny, hampahafantariko azy ny tanako sy ny heriko, ka dia ho fantany fa Jehovah no anarako.

17 Ny fahotan' ny Joda dia voasoratra tamin' ny fanoratana sy tamin' ny diamondra fanoratana; voasoratra ao am-pony tahaka ny amin' ny vato fisaka sy eo amin' ny tandroky ny alitarany izany, **2** Dia amin' izay hahatsiarovan' ny zanany ny alitarany sy ny Aserahany, akaikin' ny hazo maitso, ambonin' ny havoana andrandraina. **3** Ry tendrombohitro any an-tsaha, ny fananan̈o sy ny rakitrao rehetra dia hatolotro ho babo, eny, na dia ny fitoerana avonao koa aza noho ny fahotana tao anatin' ny faritaninao rehetra. **4** Ary avy amin' ny tenanao ihany no mahatonga ny hamoizanao ny lovanao izay nomeko anao; Ary hampanompoiko ny fahavalonao any amin' ny tany izay tsy fantatrao ianao; Fa narehitrareo ny afon' ny fahatezerako, izay hirehitra mandrakizay. **5** Izao no lazain' i Jehovah: ho voaozona izay olona matoky olona sy manao ny nofo ho sandriny, ka miala amin' i Jehovah ny fony. **6** Fa ho tahaka ny olona mahantra any an-tani-hay izy ka tsy mba hahita, na dia avy aza ny soa; Fa honina any amin' ny tany karankaina any an-efitra, dia any amin' ny tany sira izay tsy onenana. **7** Hotahina izay olona matoky an'

i Jehovah, dia izay manana an' i Jehovah ho tokiny. **8** Fa ho toy ny hazo ambolena eo amoron-drano izy, izay mamaka eo anilan' ny rano mandeha, ka tsy hatahotra, na dia avy aza ny hainandro, sady ho maitso ny raviny, ka tsy hanahy izy, na dia mihantona aza ny andro, fa tsy hitsahatra ny famoany. **9** Ny fo dia mamitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra sady manana aretina tsy azo sitranina; Iza moa no mahafantatra ny aminy? **10** Izaho Jehovah no Mpandinika ny fo sy Mpamantatra ny voa, mba hanome ny olona rehetra araka ny alehany avy, dia araka ny vokatry ny asany **11** Toy ny tsipoy mikotrika izay tsy atodiny, dia toy izany izay mahazo harena tsy amin' ny rariny: Handao azy amin' ny an-tenatenan' androny izany, ka ho adala no farany. **12** Seza fiandrianana be voninahitra sady avo hatramin' ny voalohany ny fitoera-masintsika. **13** Ry Jehovah, Fanantenan' ny Isiraely ô! Ho menatra izay rehetra mahafoy Anao, ary hosoratana amin' ny vovoka izay miala aminao, satria izy efa nahafoy an' i Jehovah, loharano velona. **14** Jehovah ô, sitrano aho, dia ho sitrana; Vonjeo aho, dia ho voavonjy; Fa Hianao no fiderako. **15** Indro, ireo dia manao amiko hoe: Aiza ny tenin' i Jehovah? Aoka ho tanteraka izany. **16** Fa izaho tsy nihifikifika niala tsy ho mpiandry manaraka Anao; Ary ny andro hihavian' ny loza dia tsy nohaikaiko, eny, fantatrao izany; Izay efa nivoaka tamin' ny molotro dia miharihary eo anatrehanao. **17** Enga anie ka tsy ho fampitahorana ahy Hianao! Aroko amin' ny andro fahoriana Hianao! **18** Aoka ho menatra izay manenjika ahy, fa izaho kosa aoka tsy mba ho menatra; Aoka hivadi-po ireo, fa izaho kosa aoka tsy mba hivadi-po; Ataovy tonga aminy ny andro fahoriana, ary ny fahatorotoroana roa heny no anorotoroy azy. **19** Izao no nolazain' i Jehovah tamiko: Mandehana ka mitsangàna eo amin' ny vavahadim-bahoaka, dia ilay fandehanan' ny mpanjakan' ny Joda miditra sy mivoaka, ary eo amin' ny vavahady rehetra eto Jerosalema **20** ka lazao amin' ny olona hoe: Henoinareo ny tenin' i Jehovah ry mpanjakan' ny Joda sy ry Joda rehetra ary ianareo mponina rehetra eto Jerosalema, izay miditra amin' ireto vavahady ireto. **21** Izao no lazain' i Jehovah: Tandremo ny fanahinareo, ka aza mitondrantana amin' ny andro Sabata, ary aza mampiditra entana: amin' ny vavahadin' i Jerosalema; **22** ary aza mitondra entana mivoaka avy amin' ny tranonareo amin' ny andro Sabata, na manao raharaha akory; fa hamasino ny andro Sabata araka izay efa nandidiako ny razanareo. **23** Nefa tsy nihevitra izy, na nanongilana ny sofiny, fa nanamafy ny hatony mba tsy hihaino na hino anatra. **24** Ary raha mihaino Ahy tokoa ianareo hoy Jehovah, ka tsy mampiditra entana amin' ny vavahadin' ity tanàna ity amin' ny andro Sabata, ka tsy manao raharaha amin' izany, **25** izay mpanjaka sy mpanapaka mipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida dia hiditra amin' ny vavahadin' ity tanàna ity mitaingina kalesy sy soavaly, dia izy sy ny mpanapaka sy ny Joda ary ny mponina eto Jerosalema, ka honenana mandrakizay ity tanàna ity. **26** Ary ho avy ny olona avy amin' ny tanànan' ny Joda sy ny manodidina an' i Jerosalema sy ny tanin' ny Benjamina sy ny tany lemaka amoron-tsiraka sy ny tany havoana ary ny tany atsimo ka hitondra fanatitra dorana sy fanatitra hafa alatsa-drà ary fanatitra hohanina sy ditin-kazo mani-pofona ary hitondra fanati-pisaorana ho ao an-tranon' i Jehovah. **27** Fa raha tsy mihaino Ahy kosa ianareo ka tsy manamasìna ny andro Sabata, fa mitondra entana miditra amin' ny vavahadin' i Jerosalema ihany amin' ny andro Sabata, dia handrehitra afo tsy mety maty eo am-bavahadiny Aho handevonana ny tranobe eto Jerosalema.

18 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah: **2** Mitsangàna, ka midìna ho any amin' ny tranon' ny mpanefy tanimanga, ary any no hampandrenesako anao ny teniko. **3** Dia nidina tany amin' ny tranon' ny mpanefy tanimanga aho, ary, indro, nanao ny asany teo amin' ny ankodina fanaovana izy. **4** Ary raha simba ny vilany ataony araka izay mazàna miseho amin' ny tanimanga eny an-tànan' ny mpanefy dia ataony vilany hafa indray, araka izay tian' ny mpanefy tanimanga hanaovana azy. **5** Dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah hoe: **6** Moa tsy mahazo manao aminareo toy ny ataon' ity mpanefy tanimanga ity va Aho, ry taranak' i Isiraely? hoy Jehovah. Indro, toy ny tanimanga eo an-tanan' ny mpanefy azy, dia toy izany ianareo eo an-tanako, ry taranak' Isiraely. **7** Vetivety Aho dia milaza firenena sy fanjakana hongotako sy hazerako ary horavako; **8** Nefa raha miala amin' ny ratsy izany firenena noteneniko izany, dia hanenenako kosa ny loza izay nokasaiko hamelezako azy. **9** Ary vetivety kosa Aho dia milaza firenena sy fanjakana haoriko sy hamboleko; **10** Nefa raha manao izay ratsy eo imasoko izy ka tsy mihaino ny feoko, dia hanenenako kosa ny soa izay nolazaiko hanasoavako azy. **11** Koa amin' izany, lazao amin' ny Joda sy amin' ny mponina eto Jerosalema hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Indro, Izaho mamorona loza hihatra aminareo ary mihevitra izay hamelezako anareo; Koa samia miala amin' ny lalany ratsy avy ianareo, ary ataovy tsara ny lalanareo sy ny ataonareo. **12** Nefa hoy ireo: Kivy izahay izany! Fa mbola hanaraka ny hevitray ihany izahay, eny, samy hanao araka ny ditry ny fo ratsinay avy izahay rehetra. **13** Koa izao no lazain' i Jehovah: anontanio any amin' ny jentilisa hoe: Iza no nandre zavatra toy izany? Zavatra mahatsiravina indrindra no nataon' Isiraely virijina. **14** Hitsahatra tsy ho eo amin' ny vatolampy any an-tsaha va ny oram-panalan' i Libanona, ary mety ho ritra va ny rano maria sady mangatsiaka avy amin' ny tany hafa? **15** Fa efa nanadino Ahy ny oloko, ka ho an' ny sampy no nandoroany ditin-kazo manitra; Ary nanafintohina azy teo amin' ny lalany ireny; dia ny lalana fahagola, handehanany amin' ny sakeli-dalana madinika, dia amin' ny lalana tsy voavoatra, **16** Mba hahatonga ny taniny ho figagana sy ho zavatra mampisitrisitra mandrakizay; Izay rehetra mandalo azy dia ho gaga sy hihifikifi-doha. **17** Toy ny fampielin' ny rivotra avy any atsinanana no hampielezako azy eo anoloan' ny fahavalony; Hiamboho azy Aho, fa tsy hanatrika azy, amin' ny andro hahitany loza. **18** Dia hoy ny olona: Andeha isika hihevitra izay hamelezana an' i Jeremia; fa tsy ho tapaka tsy akory ny lalàna avy amin' ny mpisorona, na ny saina avy amin' ny hendry, na ny teny avy amin' ny mpaminany.

Aoka ny vavantsika ho enti-mamely azy, ary aoka tsy hohenointsika akory izay teniny. **19** Mihainoa ahy, Jehovah ô; Ary mihainoa ny tenin' izay miady amiko **20** Ratsy va no havaly ny soa? Fa efa nihady lavaka hamandrihana ahy ireo. Tsarovy ny nitsanganako teo anatrehanao nitaraina ho azy hampiala ny fahatezeranao aminy. **21** Koa aoka ho mosarena ny zanany, ary atolory ho amin' ny herin' ny sabatra izy, ka ho foana anaka ny vadiny sady ho tonga mpitondratena; Ary aoka ny lehilahy lehibe aminy haripaky ny aretina, ary ny zatovony ho fatin-tsabatra amin' ny ady. **22** Aoka hisy fidradradradrana ho re ao an-tranony, raha mitondra miaramila iray toko any aminy tampoka Hianao; Fa efa nihady lavaka hamandrihana ahy izy sady nanafim-pandrika haningorana ny tongotro. **23** Fa Hianao, Jehovah ô, no mahalala ny fisainana rehetra ataony hamelezany ahy ho faty; Aza avela ny helony; Ary aza vonoina tsy ho eo imasonao ny fahotany, fa aoka ho solafaka eo anatrehanao izy; Mameleza azy amin' ny andro fahatezeranao.

19 Izao no lazain' i Jehovah: Andeha mividy tavoara tanimanga, ary makà anti-panahy amin' ny vahoaka sy anti-panahy amin' ny mpisorona, **2** dia mivoaha ho any amin' ny Lohasahan' ny taranak' i Hinoma, izay eo anoloan' ny vavahady Harsota, ary torio eo ny teny izay holazaiko aminao, **3** ka ataovy hoe: Mihainoa ny tenin' i Jehovah, ry mpanjakan' ny Joda sy ry mponina ato Jerosalema! Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, hahatonga loza amin' ity tanàna ity Aho izay mandre izany, dia hangintsingintsina ny sofiny **4** satria efa nahafoy Ahy izy ka nahatonga ity tanàna ity ho hafahafa, fa nandoro ditin-kazo manitra tato ho an' andriamani-kafa, izay tsy fantany, na fantatry ny razany, na ny mpanjakan' ny Joda, sady efa nameno ran' ny marina ity tanàna ity **5** ary nanorina ny fitoerana avo ho an' i Bala handoroany ny zanany ho fanatitra dorana ho an' i Bala, izay tsy nandidiako, na nolazaiko, na tao an-tsaiko akory aza. **6** Koa, indro, avy ny andro, hoy Jehovah, izay tsy hanaovana ity fitoerana ity intsony hoe Tofeta, na Lohasahan' ny taranak' i Hinoma, fa Lohasaha Famonoana kosa. **7** Ary hofoanako amin' ity tanàna ity ny fisainan' ny Joda sy Jerosalema, ka hataoko lavon-tsabatra eo anoloan' ny fahavalony sy amin' ny tànan' izay mitady ny ainy izy; ary ny fatiny dia homeko ho fihinan' ny voro-manidina sy ny bibi-dia. **8** Ary ity tanàna ity dia hataoko ho figagana sy ho zavatra mampisitrisitra, ka izay rehetra mandalo azy dia ho gaga sady hisitrisitra noho ny loza rehetra efa namelezana azy. **9** Ary hampihinaniko ny nofon' ny zananilahy sy ny nofon' ny zananivavy izy, ary samy hihinana ny nofon' ny namany avy izy eo amin' ny fahirano sy ny fahaterena, izay haneren' ny fahavalony sy izay mitady ny ainy azy. **10** Dia torotoroy eo imason' ny olona izay miaraka aminao ilay tavoara, **11** ka ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Toy izao no hanorotoroako ity firenena sy ity tanàna ity, dia toy ny famakin' ny mpanefy tanimanga ny vilany tany, ka tsy azo atambatra intsony; ary any Tofeta aza no handevenany noho ny tsi-fisian-tany hafa handevenana. **12** Dia toy izany no hataoko amin' ity tanàna ity sy amin' izay mponina ato, ka dia hatao tahaka an' i Tofeta ity tanàna ity, hoy Jehovah. **13** Ary ny tranon' i Jerosalema sy ny tranon' ny mpanjakan' ny Joda dia ho tonga maloto tahaka an' i Tofeta, dia ny trano rehetra izay nandoroany ditin-kazo manitra teo an-tampony ho an' izay rehetra eny amin' ny lanitra sy nanidinany fanatitra aidina ho an' izay andriamani-kafa. **14** Ary Jeremia dia tonga avy tany Tofeta, izay nanirahan' i Jehovah azy haminany, ka nitsangana teo amin' ny kianjan' ny tranon' i Jehovah izy, dia nanao tamin' ny vahoaka rehetra hoe: **15** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, hataoko mihatra amin' ity tanàna ity sy amin' ny zana-bohiny rehetra ny loza rehetra izay nolazaiko hatao aminy noho ny nanamafiany ny hatony tsy hihainoany ny teniko.

20 Ary Pasora, zanak' i Imera, mpisorona sady mpiandraikitra ny tranon' i Jehovah, raha nandre an' i Jeremia naminany izany zavatra izany, **2** dia namely an' i Jeremia mpaminany sady namatotra azy tamin' ny boloky hazo izay teo am-bavahadin' i Benjamina, dia ilay eo ambony, eo anilan' ny tranon' i Jehovah. **3** Ary nony ampitso, dia nesorin' i Pasora tamin' ny boloky hazo Jeremia. Dia hoy Jeremia taminy: Tsy nataon' i Jehovah hoe Pasora ny anaranao, fa Magora-misabiba. **4** Fa izao no lazain' i Jehovah: Indro, hataoko fampangorohoroana ho an' ny tenanao sy ny sakaizanao rehetra ianao, ary ho lavon' ny sabatry ny fahavalony ireo, dia ho hitan' ny masonao izany; ary ny Joda rehetra hatolotro eo an-tànan' ny mpanjakan' i Babylona, dia ho entiny ho babo any Babylona izy ka hovonoiny amin' ny sabatra. **5** Ary ny harena rehetra amin' ity tanàna ity sy ny vokatry ny fisasarany rehetra sy ny zava-tsoany rehetra ary ny rakitry ny mpanjakan' ny Joda rehetra dia samy hatolotro eo an-tànan' ny fahavalony, ka dia hamabo sy haka azy ireny ary hitondra azy ho any Babylona. **6** Ary ianao, ry Pasora, sy izay rehetra mitoetra ao an-tranonao dia ho lasan-ko babo; ary ho tonga any Babylona ianao, ka any no hahafatesanao, ary any koa no handevenana anao mbamin' ny sakaizanao rehetra izay efa naminanianao lainga. **7** Jehovah ô, notaominao aho ka voataona; Nosamborinao aho ka resinao; Tonga fihomehezana mandritra ny andro aho; Izy rehetra dia maneso ahy. **8** Fa na oviana na oviana no itenenako, dia tsy maintsy mitaraina aho, eny, miantso aho hoe: Loza sy fandravana! Fa ny tenin' i Jehovah dia atao fanakorana sy fihomehezana ahy isan' andro. **9** Dia hoy izaho: Tsy hanonona Azy aho na hiteny intsony amin' ny anarany. Nefa izany dia tonga toy ny afo mirehitra ato am-poko, voahidy ato amin' ny taolako; Ary sasatra ny niaritra aho ka tsy mahazaka. **10** Fa reko ny endrikendriky ny maro, misy fampangorohoroana manodidina. Torio, eny, hotorintsika koa izy; Izay rehetra tsara fihavanana amiko dia miandry izay hahalavoako ka manao hoe: Angamba ho voataona Izy, dia horesentsika sy hovaliantsika. **11** Kanefa Jehovah momba ahy toy ny lehilahy mahery mahatahotra, ary noho izany dia ho tafintohina ny mpanenjika ahy ka tsy haharesy; Ho menatra indrindra izy, satria tsy hendry. Fahamenarana

mandrakizay izay tsy hohadinoina izany! **12** Fa Hianao, Jehovah, Tompon' ny maro ô, Izay mamantatra ny marina ka mizaha toetra ny voa sy ny fo ho hitako ny famalianao azy, fa aminao no efa nanankinako ny adiko. **13** Mihirà ho an' i Jehovah, miderà an' i Jehovah; Fa Izy namonjy ny fanahin' ny malahelo tamin' ny tanan' ny mpanao ratsy. **14** Ho voaozona anie ny andro izay nahaterahako! Aoka tsy hotahina anie ny andro izay niterahan' ineny ahy! **15** Ho voaozona anie ny olona izay nitondra teny mahafaly tamin' ikaky nanao hoe: Tera-dahy ianao! Ka nahafaly azy indrindra. **16** Aoka Izany lehilahy izany ho toy ny tanàna izay noravan' i Jehovah ka tsy nanenenany; Ary aoka izy handre fitarainana nony maraina sy akoralava nony mitataovovonana, **17** Satria tsy nahafaty ahy tany an-kibo izy, hahatonga an' Ineny ho fasako, ka hivesatra ahy mandrakariva ny kibony. **18** Nahoana re aho no nivoaka avy tany an-kibo mba hahita fahoriana sy alahelo, ka ho lany aman-kenatra ny androko!

21 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah, fony Zedekia mpanjaka naniraka an' i Pasora, zanak' i Malkia, sy Zefania, zanak' i Mahasela mpisorona, hankany aminy hanao hoe: **2** Masìna ianao, manontania amin' i Jehovah ho anay; miady aminay Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, angamba Jehovah hanao aminay araka ny asany mahagaga rehetra, mba hialan' ireo aminay. **3** Dia hoy Jeremia taminy: Lazaonareo amin' i Zedekia hoe: **4** Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, haveriko ny fiadiana eny an-tananareo, izay entinareo miady eny ivelan' ny manda amin' ny mpanjakan' i Babylona sy amin' ny Kaldeana, izay manao fahirano anareo, ka hangoniko eto afovoan' ity tanàna ity ireo. **5** Ary Izaho no hiady aminareo amin' ny tanana ahinjitra sy amin' ny sandry mahery ary amin' ny fahavinirana sy ny fisafoahana ary ny fahatezerana mirehitra. **6** Ary hamely ny mponina amin' ity tanàna ity Aho, na olona, na biby: ho fatin' ny aretim-be mandringana izy. **7** Ary rehefa afaka izany, hoy Jehovah, Zedekia, mpanjakan' ny Joda, sy ny mpanompony sy ny vahoaka ary izay sisa tsy matin' ny areti-mandringana sy ny sabatra sy ny mosary amin' ity tanàna ity dia hatolotro eo an-tànan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, sy eo an-tànan' ny fahavalony sy eo an-tànan' izay mitady ny ainy; dia hamely azy amin' ny lelan-tsabatra ireo, fa tsy hitsitsy na hiantra azy, na hamindra fo aminy. **8** Ary ity firenena ity dia hilazanao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Indro, ataoko eo anoloanareo ny lalan' ny fiainana sy ny lalan' ny fahafatesana: **9** Izay mbola mitoetra eto amin' ity tanàna ity ihany dia ho fatin-tsabatra sy mosary ary areti-mandringana; fa izay mivoaka hanatona ny Kaldeana izay manao fahirano anareo kosa dia ho velona, ka ny ainy no ho babony. **10** Fa efa manandrina ity tanàna ity Aho hahatonga loza aminy, fa tsy soa, hoy Jehovah; hatolotro eo an-tànan' ny mpanjakan' i Babylona ity ka hodoroany amin' ny afo. **11** Ary henoy ny tenin' i Jehovah ny amin' ny taranaky ny mpanjakan' ny Joda sy ny mpianakaviny. **12** Ry taranak' i Davida, izao no lazain' i Jehovah: Mitsarà isa-maraina, afaho amin' ny tanan' ny mpampahory ny alona norobaina, fandrao mivoaka toy ny afo ny fahatezerako ary mirehitra ka tsy hisy hamono noho ny faharatsian' ny ataonareo. **13** Indro, hohatoniko ianao, ry mponina an-dohasaha, dia eo amin' ny vatolampy amin' ny tany lemaka, hoy Jehovah, dia ianareo izay manao hoe: Iza moa no sahy hidina hamely anay? Ary iza no sahy hiditra ato amin' ny fonenanay? **14** Fa hamaly anareo araka ny vokatry ny asanareo Aho, hoy Jehovah, ary handrehitra afo ao amin' ny alany, ka handevona ny manodidina azy rehetra izany.

22 Izao no lazain' i Jehovah: Midìna any amin' ny tranon' ny mpanjakan' ny Joda, ka lazao any izao teny izao hoe: **2** Henoy ny tenin' i Jehovah, ry mpanjakan' ny Joda, izay mipetraka amin' ny seza fiandrianan' i Davida, dia ianao sy ny mpanomponao ary ny vahoakanao izay miditra amin' ireto vavahady ireto: **3** Izao no lazain' i Jehovah: Manaova fitsarana sy fahamarinana ianareo, ka afaho amin' ny tanan' ny mpampahory ny olona voaroba; ary aza mampahory na mampidi-doza amin' ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena, ary aza mandatsaka rà marina amin' ity fitoerana ity. **4** Fa raha mankatò izany teny izany tokoa ianareo, dia hisy mpanjaka mipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida hiditra amin' ity vavahady ity mitaingin-kalesy sy soavaly, dia izy sy ny mpanompony ary ny vahoakany. **5** Fa raha tsy hihaino izany teny izany kosa ianareo, dia ny tenako no ianianako, hoy Jehovah, fa ho lao tokoa ity trano ity. **6** Fa izao no lazain' i Jehovah ny amin' ny mpanjakan' ny Joda sy ny mpianakaviny: Tahaka an' i Gileada sy ny tampon' i Libanona amiko ianao, nefa hataoko tonga efitra sy tanàna tsy onenana. **7** Ary hanendry mpandrava hamely anao Aho, Izay samy hitondra ny fiadiany avy; Dia hokapain' ireo ny sederanao voafantina ka hariany ao anaty afo. **8** Ary firenena maro no handalo ity tanàna ity, ka samy hanao amin' ny namany avy hoe: Nahoana Jehovah no dia nanao izao tamin' ity tanàna lehibe ity? **9** Dia hovaliana hoe: Noho ny nahafoizany ny faneken' i Jehovah Andriamaniny sy ny nivavahany tamin' andriamani-kafa sy ny nanompoany ireny. **10** Aza mitomany ny maty ianareo, na misaona azy; Mitomania dia mitomania noho ilay efa lasan-ko babo; Fa tsy hiverina intsony izy, na hahita ny tany nahaterahany. **11** Fa izao no lazain' i Jehovah ny amin' i Saloma, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda, dia ilay nanjaka nandimby an' i Josia rainy, saingy efa niala tamin' ity tany ity: Tsy hiverina atỳ intsony izy, **12** Fa ho faty any amin' ny tany izay nitondrana azy ho babo ka tsy hahita ity tany ity intsony. **13** Lozan' izay manorina ny tranony amin' ny tsy rariny sy ny ati-tranony ambony amin' ny fitaka ka mampiasa maina ny namany, fa tsy mandoa ny karamany, **14** Sady manao hoe: Hanao trano lehibe ho ahy aho sy ati-trano ambony malalaka, ary holoahany hisy varavarankely sady hasiany valin-drihana sedera sy hohosorana loko mena. **15** Moa dia ho mpanjaka ianao, saingy ataonao be sedera noho ny an' ny sasany ny tranonao? Tsy efa nihinana sy nisotro va rainao sady nanao fitsarana sy fahamarinana? Tamin' izany dia nambinina izy. **16** Nitsara ny tenin' ny ory sy ny malahelo izy; Tamin'

izany dia nambinina izy. Tsy izany va no fahalalana Ahy? hoy Jehovah. **17** Nefa tsy misy alehan' ny masonao sy ny eritreritrao afa-tsy ny filan-karena ihany sy ny fandatsahana rà marina ary ny fampahoriana sy ny fanaovana an-keriny. **18** Ary noho izany dia izao no lazain' i Jehovah ny amin' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda: Ny olona tsy hisaona azy hoe: Indrisy, tompokolahy! na: Indrisy, tompokovavy! Ny olona tsy hitomany azy hoe: Indrisy, tompoko! na: Indrisy ny voninahiny! **19** Halevina toy ny fandevina boriky izy, ka hotaritarihina sy hariana any ivelan' ny vavahadin' i Jerosalema. **20** Miakara any Libanona, ka mitaraina; Dia asandrato any Basana ny feonao, ary mitaraina any Abarima; Fa ringana avokoa ireo tia anao. **21** Efa niteny taminao Aho, fony ianao mbola nipetraka tsy nanana ahiahy; Nefa hoy ianao: Izaho tsy hihaino. Fanaonao hatry ny fony ianao mbola tanora ny tsy mihaino ny teniko. **22** Ny mpitondra anao rehetra ho paohin' ny rivotra, ary ireo tia anao ho lasan-ko babo, eny, ho menatra sy hangaihay tokoa ianao noho ny haratsianao rehetra. **23** Ry ilay mponina any Libanona, izay manao ny akaninao eny amin' ny sedera, indrisy ny fisentoanao, raha iharan' ny fahararіana ianao, toy ny fanaintainan' ny vehivavy raha miteraka! **24** Raha velona koa Aho, hoy Jehovah, na dia ho peratra fanombohan-kase amin' ny tanako ankavanana aza ianao, ry Jekonia, zanak' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda, dia hotsoahako hiala eo ianao, **25** Ka hatolotro eo an-tànan' izay mitady ny ainao sy eo an-tànan' izay atahoranao, dia eo an-tànan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, sy eo amin' ny tanan' ny Kaldeana. **26** Ary ianao sy ny reninao niteraka anao dia hariako any an-tany hafa izay tsy nahaterahanareo, ka any no hahafatesanareo. **27** Fa ny tany iriny hiverenana dia tsy hiverenany. **28** Moa ity lehilahy Jekonia ity dia vilany vingavingaina sy efa hotorotoroina ary fanaka tsy mahafinaritra va? Koa nahoana no nariana izy sy ny taranany ka natsipy any amin' ny tany tsy fantany? **29** Ry tany! ry tany! ry tany! Henoy ny tenin' i Jehovah. **30** Izao no lazain' i Jehovah Soratanareo ho tsy manam-para ity lehilahy ity, dia lehilahy tsy hambinina amin' ny androny; Fa tsy hisy amin' ny taranany izay hambinina Hipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida, na hanapaka ao amin' ny Joda intsony

23 Lozan' ireo mpiandry izay manimba sy mampihahaka ny ondry fiandriko, hoy Jehovah **2** Koa izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, ny amin' ireo mpiandry izay miandry ny oloko: Hianareo efa nampihahaka ny ondriko sy nandronjindronjina azy, fa tsy nanolokolo azy; Koa, indro, hovaliako ianareo noho ny faharatsian' ny ataonareo, hoe Jehovah **3** Ary Izaho hanangona ny ondriko sisa avy any amin' ny tany rehetra izay nandroahako azy ka hampodiko ho any amin' ny saha niandrasana azy, dia hitombo sy hihamaro izy **4** Ary hanendry mpiandry ho azy Aho, ka dia hiandry azy ireo; Ka tsy hatahotra na hivadi-po intsony izy, sady tsy hisy tsy ho voavory, hoy Jehovah. **5** Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, izay hananganako Rantsana marina ho an' i Davida, ka hanjaka Izy sady ho hendry ary hanao fitsarana sy fahamarinana amin' ny tany. **6** Amin' ny androny no hamonjena ny Joda, sy handrian' ny Isiraely fahizay, ary izao no anarany izay hanononana Azy: Jehovah Fahamarinantsika. **7** Koa, indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay tsy hanaovana intsony hoe: Raha velona koa Jehovah, Izay nitondra ny Zanak' Isiraely niakatra avy tany amin' ny tany Egypta; **8** Fa izao kosa: Raha velona koa Jehovah, Izay nitondra ny taranak' Isiraely niakatra sady nitarika azy avy tany amin' ny tany avaratra sy avy tany amin' ny tany rehetra izay nandroahako azy; Dia honina ao amin' ny taniny izy. **9** Ny amin' ireo mpaminany. Montsamotsana ato anatiko ny foko, mangozohozo ny taolako rehetra, toy ny olona mamo aho, ary toy ny lehilahy leon-divay, noho ny amin' i Jehovah sy noho ny teniny masìna. **10** Fa feno mpijangajanga ny tany; Ary noho ny ozona no isaonan' ny tany, efa maina ny kijana any an-efitra; Ary efa ratsy ny fanaon' ny olona, sady ny tsi-fahamarinana no heriny. **11** Fa na mpaminany na mpisorona dia samy mpihatsaravelatsihy avokoa; Na dia tao an-tranoko aza dia mbola hitako ihany ny haratsiany, hoy Jehovah. **12** Koa dia ho toy ny lalamalama amin' ny aizim-pito ny lalany; Haronjina izy, ka dia ho potraka ao; Fa hahatonga loza aminy Aho amin' ny taona hamaliana azy, hoy Jehovah. **13** Ary tamin' ny mpaminanin' i Samaria no nahitako zavatra mahaloiloy: Naminany tamin' i Bala izy ka nampivily ny Isiraely oloko, **14** Ary tamin' ny mpaminanin' i Jerosalema koa no nahitako zavatra mahatsiravina; Mijangajanga sy mandeha araka ny lainga izy sady mampahery ny tanan' ny mpanao ratsy, ka samy tsy miala amin' ny faharatsiany; Eny, izy rehetra dia tonga tahaka an' i Sodoma raha amiko, ary ny mponina ao dia tonga tahaka an' i Gomora. **15** Koa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, ny amin' ireo mpaminany ireo: Indro, hofahanako zava-mahafaty izy sy hampisotroiko rano mangidy, satria avy tamin' ny mpaminanin' i Jerosalema no nivoahan' ny faharatsiana ho any amin' ny tany rehetra. **16** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Aza mihaino ny tenin' ny mpaminany izay maminany aminareo, fa manadala anareo ireo; Ny fahitana avy ao am-pony ihany no lazainy, fa tsy izay aloaky ny vavan' i Jehovah. **17** Milaza mandrakariva amin' izay manamavo Ahy izy hoe: Jehovah nanao hoe: Hahita fiadanana ianareo, ary amin' izay rehetra mandeha araka ny ditry ny fony hoe: Tsy hisy loza hanjo anareo. **18** Fa iza moa no efa isan' ny mpihevitra teo amin' i Jehovah ka nahita sy nandre ny teniny? Iza no nanongilana ny sofiny taminy ka nihaino ny teniny? **19** He! ny tadion' i Jehovah! Mivoaka ny fahatezerana sy ny tadio mitambolimbolina ka miantonta amin' ny lohan' ny ratsy fanahy. **20** Ny fahatezeran' i Jehovah tsy ho afaka ambara-panefany sy ambara-panatanterany ny hevitry ny fony; Mbola ho fantatrareo marimarina izany any am-parany. **21** Tsy naniraka ireo mpaminany ireo Aho, kanefa nidodododo ihany izy, tsy niteny taminy Aho, kanefa naminany ihany izy. **22** Fa raha isan' ny mpihevitra teo amiko izy, dia ho nitory ny teniko tamin' ny oloko izy ka namerina azy hiala tamin' ny lalany ratsy sy tamin' ny faharatsian' ny nataony. **23** Moa Andriamanitra etỳ akaiky ihany va Aho? hoy Jehovah. Fa tsy Andriamanitra any lavitra any koa? **24**

Moa misy olona mahafin-tena ao amin' ny fierena va ka tsy ho hitako? hoy Jehovah. Tsy manerana ny lanitra sy ny tany va Aho? hoy Jehovah. **25** Efa reko ny nolazain' ny mpaminany, Izay naminany lainga tamin' ny anarako hoe: Nanonofy aho, nanonofy aho. **26** Mandra-pahoviana? Moa ao am-pon' ireo mpaminany izay maminany lainga sy maminany araka ny fitaky ny fony va? **27** Ny hampanadino ny oloko ny anarako amin' ny nofiny izay lazainy amin' ny namany avy, toy ny nanadinoan' ny razany ny anarako noho ny amin' i Bala? **28** Ny mpaminany izay manonofy dia aoka hilaza nofy, ary izay manana ny teniko dia aoka hanambara marina ny teniko. Fa moa inona izay mololo, raha oharina amin' ny vary? hoy Jehovah. **29** Tsy tahaka ny afo va ny teniko? hoy Jehovah, ary tsy tahaka ny kanonta manorotoro ny vatolampy va? **30** Koa, indro, fa hasiako ny mpaminany, hoy Jehovah, izay samy mangalatra ny teniko amin' ny namany avy. **31** Indro, hoy Jehovah, hasiako ny mpaminany, izay mampiteny ny lelany hoe: Hoy Izy. **32** Indro, hasiako izay maminany nofy lainga, hoy Jehovah, ary milaza izany ka mampivily ny oloko amin' ny laingany sy ny fandokafany tena; Nefa Izaho tsy naniraka azy na nandidy azy tsinona, ka dia tsy mahasoa ity firenena ity akory izy, hoy Jehovah. **33** Ary raha manontany anao ity firenena ity, na ny mpaminany, na ny mpisorona, ka manao hoe: Inona no entan' i Jehovah? Dia ataovy aminy hoe: Ny amin' ny entana hariako ianareo, hoy Jehovah. **34** Ary ny mpaminany sy ny mpisorona mbamin' ny vahoaka, izay manao hoe: Ny entan' i Jehovah. Dia hovaliako izany olona izany mbamin' ny ankohonany. **35** Samia manontany amin' ny namany sy ny rahalahiny avy ianareo hoe: Ahoana no navalin' i Jehovah? Ary ahoana no nolazain' i Jehovah? **36** Fa ny hoe: Ny entan' i Jehovah dia tsy hotononinareo intsony; Fa ny tenin' ny olona avy ihany no ho entan' ny tenany, satria efa navadikareo ny tenin' Andriamanitra velona, dia Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitsika. **37** Izao no hanontanianareo amin' ny mpaminany; Ahoana no navalin' i Jehovah anao? Ary ahoana no nolazain' i Jehovah? **38** Fa raha hoy ianareo: Entan' i Jehovah, Dia izao no lazain' i Jehovah: Noho ny nilazanareo ny teny hoe: Ny entan' i Jehovah, nefa efa nanirahako ihany ianareo nataoko hoe: Aza manao hoe: Ny entan' i Jehovah, **39** Dia, indro, hanadino anareo tokoa Aho sady hanary anareo mbamin' ny tanàna izay nomeko anareo sy ny razanareo tsy ho eo anatrehako; **40** Ary hataoko mihatra aminareo ny fahafaham-baraka mandrakizay sy ny fahamenarana mandrakizay izay tsy hohadinoina.

24 Jehovah naneho tamiko, ka, indreo, nisy aviavy roa sobiky voapetraka teo anoloan' ny tempolin' i Jehovah, taorian' ny nitondran' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, an' i Jekonia, zanak' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda, sy ny mpanapaka ny Joda mbamin' ny mahay tao-zavatra sy ny mpanefy vy izay tany Jerosalema, ho babo ho any Babylona. **2** Ny sobiky iray dia nisy aviavy tsara dia tsara, dia toy ny aviavy mialin-taona; ary ny sobiky anankiray kosa dia nisy aviavy ratsy dia ratsy, izay tsy azo hanina noho ny haratsiny. **3** Dia hoy Jehovah tamiko: Inona no hitanao, ry Jeremia? Ary hoy izaho: Aviavy; koa ny tsara moa dia tsara tokoa, ary ny ratsy kosa dia ratsy tokoa ka tsy azo hanina noho ny haratsiny. **4** Ary tonga tamiko indray ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **5** Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Tahaka ireto aviavy tsara ireto no fijeriko ny Joda voababo mba hanasoavako azy, dia ireo noroahiko niala tamin' ity tany ity ho any amin' ny tanin' ny Kaldeana. **6** Fa hojeren' ny masoko izy mba hanasoavako azy ka hampodiko ho amin' ity tany ity; ary haoriko izy, ka tsy horavako; ary hamboleko izy, fa tsy hongotako. **7** Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy; dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina amiko amin' ny fony rehetra izy. **8** Ary ny amin' ny aviavy ratsy izay tsy azo hanina kosa noho ny haratsiny, dia izao no lazain' i Jehovah: Toy izany no hanolorako an' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, sy ny mpanapaka ary izay sisa any Jerosalema, dia izay mbola sisa amin' ity tany ity sy izay mitoetra any amin' ny tany Egypta, **9** eny, hatolotro ho mpanjenjena sy fiharan-doza any amin' ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany izy, ho fandatsa sy ohabolana sy ambentinteny ary fanozonana any amin' ny tany rehetra izay handroahako azy. **10** Ary hampameleziko azy ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana ambara-pahalany ritrany tsy ho amin' ny tany izay nomeko azy sy ny razany.

25 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia ny amin' ny Joda rehetra tamin' ny taona fahefatra nanjakan' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda dia ny taona voalohany nanjakan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona **2** dia izay nolazain' i Jeremia mpaminany tamin' ny Joda rehetra sy tamin' ny mponina rehetra tany Jerosalema hoe: **3** Hatramin' ny taona fahatelo ambin' ny folo nanjakan' i Josia, zanak' i Amona, mpanjakan' ny Joda, ka mandraka androany, dia mandritra ny telo amby roa-polo taona izao, no nahatongavan' ny tenin' i Jehovah tamiko, ary nolazaiko taminareo, eny, nifoha maraina koa aho ka nilaza; nefa tsy nihaino ianareo. **4** Ary Jehovah naniraka ny mpaminany mpanompony rehetra ho any aminareo, eny, nifoha maraina koa Izy ka naniraka nefa tsy nihaino ianareo, na nanongilan-tsofina hihaino hoe: **5** Samia miala amin' ny lalan-dratsinareo avy ianareo sy amin' ny ratsy fanaonareo, ka dia honina any amin' ny tany izay nomen' i Jehovah anareo sy ny razanareo hatrizay ka ho mandrakizay. **6** Ary aza manaraka andriamani-kafa hanompo azy sy hiankohoka eo anatrehany, ary aza mampahatezitra Ahy amin' ny asan' ny tananareo, fandrao hahatonga loza aminareo Aho. **7** Nefa tsy nihaino Ahy ianareo, hoy Jehovah, mba hampahatezeranareo Ahy tamin' ny asan' ny tananareo hahitanareo loza. **8** Koa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Noho ny tsy nihainoanareo ny teniko, **9** dia, indro, hampanalaiko ny firenena rehetra any avaratra sy Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, mpanompoko, hoy Jehovah, ary ho entiko hamely ity lany ity sy ny mponina eto mbamin' ireto firenena manodidina rehetra ireto izy, ary haringako tokoa ireo ka hataoko ho figagana sy zavatra mampisitrisitra sady ho rava mandrakizay. **10** Ary hatsahatro

eo aminy ny feo mifaly sy ny feo miravoravo, dia ny feon' ny mpampakatra sy ny feon' ny ampakarina, ny feon' ny vato fikosoham-bary ary ny fahazavan' ny jiro. **11** Ary ity tany rehetra ity dia ho foana sy lao, ary ireto firenena rehetra ireto hanompo ny mpanjakan' i Babylona fito-polo taona. **12** Ary rehefa tapitra ny fito-polo taona, hoy Jehovah, dia hovaliako kosa ny mpanjakan' i Babylona sy izany firenena izany noho ny helony, ary ny tanin' ny Kaldeana koa dia hataoko rava mandrakizay. **13** Ary hotoviko amin' izany tany izany ny teniko rehetra, izay efa nambarako hamelezana azy, dia izay rehetra voasoratra ato amin' ity boky ity, izay novinanin' i Jeremia hamely ny firenena rehetra. **14** Fa ireo kosa indray dia hampanompoin' ny firenena maro sy ny mpanjaka lehibe, ary hovaliako araka ny ataony sy araka ny asan' ny tànany avy izy. **15** Fa izao no nolazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, tamiko: Raiso etỳ an-tanako ity kapoaky ny divay fahatezerana mirehitra ity, ka ampisotroy ny firenena rehetra izay anirahako anao. **16** Ary hisotro izy ka hirepirepy sy ho very saina noho ny sabatra izay hampameleziko azy. **17** Dia noraisiko ny kapoaka teny an-tànan' i Jehovah, ka nampisotroako ny firenena rehetra izay nanirahan' i Jehovah ahy, **18** dia Jerosalema sy ny tanànan' ny Joda sy ny mpanjakany ary ny mpanapaka, mba hanao azy ho tany lao sy ho figagana sy zavatra mampisitrisitra ary fanozonana tahaka ny amin' izao anio izao; **19** ary Farao, mpanjakan' i Egypta, sy ny mpanompony sy ny mpanapaka mbamin' ny vahoakany rehetra, **20** ary ny olona samy hafa firenena rehetra sy ny mpanjaka rehetra amin' ny tany Oza sy ny mpanjaka rehetra amin' ny tanin' ny Filistina sy Askelona sy Gaza sy Ekrona ary ny sisa any Asdoda; **21** ary Edoma sy Moaba sy ny taranak' i Amona, **22** ary ny mpanjaka rehetra any Tyro sy ny mpanjaka rehetra any Sidona ary ny mpanjakan' ny nosy any an-dafin' ny ranomasina; **23** ary Dedana sy Tema sy Boza ary izay rehetra voahety sisim-bolo, **24** ary ny mpanjaka rehetra any Arabia sy ny mpanjaka rehetra amin' ny firenena maro samy hafa izay monina any an-efitra; **25** ary ny mpanjaka rehetra any Zimry sy ny mpanjaka rehetra any Elama ary ny mpanjaka rehetra any Media, **26** ary ny mpanjaka rehetra any avaratra, na ny lavitra na ny akaiky, na iza na iza, ary ny fanjakana rehetra amin' izao tontolo izao, izay etỳ ambonin' ny tany; ary ny mpanjakan' i Sesaka koa dia hisotro manaraka ireo. **27** Koa lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro. Andriamanitry ny Isiraely: Misotroa ianareo, ka mimamoa, sy mandoava, ary mianjerà, ka aza miarina intsony noho ny sabatra izay hampameleziko anareo. **28** Ary raha tsy mety mandray ny kapoaka eny an-tananao hosotroiny izy, dia ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Tsy maintsy misotro ianareo. **29** Fa, indro, ao amin' ny tanàna izay efa niantsoana ny anarako aza no nanombohako ny fahatongavana loza, ka ho afaka va ianareo? Tsy ho afaka mihitsy ianareo, fa hiantso sabatra Aho hamelezana ny mponina rehetra amin' ny tany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **30** Koa maminania aminy ianao araka izao teny rehetra izao, ka ataovy hoe: Jehovah hierona any ambony ary hanandratra ny feony any amin' ny fitoerany masìna, eny, hierona mafy amin' ny sahany fiandrasan-ondry Izy ka hanakora toy ny mpanosihosy voaloboka, hamelezana ny mponina rehetra amin' ny tany. **31** Mihatra amin' ny faran' ny tany ny fihorakorahana; Fa Jehovah manana ady amin' ny firenena; Mifandahatra amin' ny nofo rehetra Izy, ka ny ratsy fanahy dia atolony ho an' ny sabatra, hoy Jehovah. **32** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Indro, hisy loza hivoaka hitety ny firenena samy hafa, ary hisy tafio-drivotra mahery hiposaka any amin' ny faran' ny tany; **33** Ary amin' izany andro izany Ny voavonon' i Jehovah, dia hiampatrampatra hatramin' ny faran' ny tany anankiray ka hatramin' ny farany koa; Tsy hisaonana, na hangonina, na halevina ireny, fa ho zezika eny ambonin' ny tany. **34** Midradradradrà, ianareo mpiandry ondry, ary mitaraina; Eny, mihosinkosena, ianareo zokiny amin' ny ondry! Fa tonga ny andro hamonoana anareo, ary hampieleziko ianareo ka hianjera toy ny fanaka tsara. **35** Ny mpiandry ondry tsy hanam-pandosirana, ary ny zokiny amin' ny ondry tsy hanam-pahafahana. **36** Injany! misy feo fitarainan' ny mpiandry ondry sy fidradradradran' ny zokiny aminy! Satria efa nosimban' i Jehovah ny saha fiandrasana azy, **37** Ary efa tonga lao ny kijana niadanana noho ny firehetan' ny fahatezeran' i Jehovah. **38** Nandao ny fiereny toy ny liona tanora izy; Fa efa lao ny taniny noho ny fahasiahan' ny mpampahory sy noho ny firehetan' ny fahatezerany.

26 Tamin' ny niandohan' ny nanjakan' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda, no nahatongavan' izao teny izao avy tamin' i Jehovah nanao hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah: Mitsangàna eo an-kianjan' ny tranon' i Jehovah, ka lazao amin' ny tanànan' ny Joda rehetra, izay avy hiankohoka ao an-tranon' i Jehovah, ny teny rehetra izay efa nasaiko hambaranao aminy, ary aza amelana na dia teny iray akory aza. **3** Fa angamba hihaino ihany izy, ka samy hiala amin' ny lalany ratsy, dia hanenenako ny loza izay kasaiko hamelezana azy noho ny faharatsian' ny ataony. **4** Ary lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Raha tsy mihaino Ahy ianareo ka tsy mandeha araka ny lalàko izay napetrako teo anoloanareo, **5** ary tsy mihaino ny tenin' ny mpaminany mpanompoko, izay irahiko aminareo, eny, nifoha maraina koa Aho ka naniraka, nefa tsy mba nihaino ianareo **6** dia hataoko tahaka an' i Silo ity trano ity, ary hataoko fanozonana ho an' ny firenena rehetra ambonin' ny tany ity tanàna ity. **7** Ary ny mpisorona sy ny mpaminany mbamin' ny vahoaka rehetra dia nandre an' i Jeremia nanambara ireo teny rehetra ireo tao an-tranon' i Jehovah. **8** Koa nony efa tapitra voalazan' i Jeremia izay rehetra nasain' i Jehovah nolazaina tamin' ny vahoaka rehetra, dia nosamborin' ny mpisorona sy ny mpaminany mbamin' ny vahoaka rehetra izy ka nataony hoe: Ho faty tokoa ianao. **9** Nahoana ianao no naminany tamin' ny anaran' i Jehovah hoe: Ho tahaka an' i Silo ity tanàna ity, ary ho lao ity tanàna ity, ka tsy hisy mponina? Ary ny vahoaka rehetra dia nitangorona tamin' i Jeremia tao an-tranon' i Jehovah. **10** Fa nony ren' ny mpanapaka ny Joda izany zavatra izany, dia niakatra avy tany amin' ny tranon' ny mpanjaka nankany amin' ny tranon' i Jehovah izy ka nipetraka teo anoloan' ny

vavahady vaovaon' i Jehovah. **11** Ary ny mpisorona sy ny mpaminany nilaza tamin' ny mpanapaka sy ny vahoaka rehetra hoe: Misy heloka tokony hahafaty ity lehilahy ity; fa efa naminany loza ho amin' ity tanàna ity izy araka izay efa ren' ny sofinareo. **12** Dia nilaza tamin' ny mpanapaka rehetra sy ny vahoaka rehetra Jeremia hoe: Jehovah no naniraka ahy haminany izay rehetra efa renareo ny amin' ity trano sy ity tanàna ity. **13** Koa ankehitriny ataovy tsara ny lalanareo sy ny ataonareo, ary mihainoa ny feon' i Jehovah Andriamanitrareo; fa hanenenan' i Jehovah ny loza izay efa nolazainy hamelezana anareo. **14** Fa ny amiko, dia, indro, efa eto an-tananareo aho; koa ataovy amiko izay ataonareo ho mety sy marina. **15** Kanefa mihevera tsara, fa raha mamono ahy anie ianareo, dia hahatonga rà marina aminareo sy amin' ity tanàna ity ary amin' ny mponina eto, satria Jehovah tokoa no naniraka ahy taminareo hilaza ireo teny rehetra ireo eto anatrehanareo. **16** Dia hoy ny mpanapaka sy ny vahoaka rehetra tamin' ny mpisorona sy ny mpaminany: Tsy misy heloka tokony hahafaty ity lehilahy ity, satria tamin' ny anaran' i Jehovah Andriamanitsika no nitenenany tamintsika. **17** Dia nisy nitsangana ny loholona ka nanao tamin' ny vahoaka rehetra vory teo hoe: **18** Mika Morastita dia naminany tamin' ny andron' i Hezekia, mpanjakan' ny Joda, ka nanao tamin' ny Joda rehetra hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: "Ziona dia hasaina toy ny tanimboly, ary Jerosalema ho tonga korontam-bato, ary ny tendrombohitra misy ny trano dia ho tonga toy ny havoana mifono ala.". **19** Moa namono azy va Hezekia, mpanjakan' ny Joda, sy ny Joda rehetra? Tsy natahotra an' i Jehovah va izy ka nifona tamin' i Jehovah, ka dia nanenenan' i Jehovah ny loza izay efa nolazainy hamelezany azy? Fa isika kosa izao dia mila hampidi-doza lehibe amin' ny tenantsika. **20** Ary nisy lehilahy anankiray koa izay naminany tamin' ny anaran' i Jehovah, dia Oria, zanak' i Semaia, avy any Kiriata-jearima, izay naminany loza ho amin' ity tanàna sy ity tany ity araka izany teny rehetra nataon' i Jeremia izany koa. **21** Ary nony ren' i Joiakima mpanjaka sy ny lehilahy maheriny rehetra ny teniny, dia nitady hahafaty azy ny mpanjaka; ary nony nandre izany Oria, dia natahotra izy ka nandositra, ary tonga tany Egypta; **22** ary Joiakima mpanjaka naniraka olona nankany Egypta, dia Elnatana, zanak' i Akbora, mbamin' ny olona sasany nanaraka ny hankany Egypta. **23** Ary Oria dia nalain' ireo niala avy tany Egypta ka nentiny teo amin' i Joiakima mpanjaka; ary izy namono azy tamin' ny sabatra, dia nanary ny fatiny teny amin' ny fasam-bahoaka. **24** Nefa ny tànan' i Ahikama, zanak' i Safana, dia nomba an' i Jeremia mba tsy hanolorana azy ho eo an-tànan' ny vahoaka hovonoiny.

27 Tamin' ny niandohan' ny nanjakan' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda, no nahatongavan' izao teny izao tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah hoe: **2** Izao no nolazain' i Jehovah tamiko: Manaova famatorana sy zioga ianao, ka ataovy eo am-bozonao, **3** ary ampanatero any amin' ny mpanjakan' i Edoma sy any amin' ny mpanjakan' i Moaba sy any amin' ny mpanjakan' ny taranak' i Amona sy any amin' ny mpanjakan' i Tyro ary any amin' ny mpanjakan' i Sidona izany ho entin' ny iraka izay mankaty Jerosalema ho atỳ amin' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda; **4** ary asaovy lazainy amin' ny tompony avy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Izao no holazainareo amin' ny tomponareo: **5** Izaho no nanao ny tany sy ny olona ary ny biby izay eo aminy tamin' ny heriko lehibe sy tamin' ny sandriko nahinjitra; ary efa nomeko ho an' izay sitraky ny foko ny tany. **6** Ary ankehitriny Izaho dia efa nanolotra ireto tany rehetra ireto ho eo an-tànan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, mpanompoko; eny, na dia ny bibidia aza dia efa nomeko hanompo azy koa. **7** Ary ny firenena rehetra dia hanompo azy sy ny zanany ary ny zafiny ambara-pahatongan' ny fotoana hamaliana ny tanin' izy io kosa, ka hampanompoin' ny firenena maro sy ny mpanjaka lehibe izy. **8** Ary izay firenena na fanjakana tsy mety manompo an' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, ary tsy mety mampiditra ny vozony eo amin' ny ziogan' ny mpanjakan' i Babylona, dia hovaliako amin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana izany firenena izany, hoy Jehovah, ambara-pandringako azy amin' ny tànany. **9** Ary aza mihaino ny mpaminaninareo ianareo, na ny mpanao fankatovanareo, na ny nofinareo, na ny mpanandronareo, na ny mpanana odinareo, izay manao aminareo hoe: Tsy hanompo ny mpanjakan' i Babylona ianareo. **10** Fa lainga no vinanin' ireo aminareo, mba hamindrana anareo ho lavitra ny taninareo, dia horoahiko ianareo ka ho ringana. **11** Fa izay firenena mampiditra ny vozony eo amin' ny ziogan' ny mpanjakan' i Babylona kosa ka manompo azy dia havelako hitoetra amin' ny taniny ihany, hoy Jehovah, ka hiasa azy sady honina ao izy. **12** Ary Zedekia, mpanjakan' ny Joda, koa dia efa nilazako araka izany teny rehetra izany hoe: Ampidiro eo amin' ny ziogan' ny mpanjakan' i Babylona ny vozonareo, ka manompoa azy sy ny vahoakany, dia ho velona ianareo. **13** Nahoana no ho fatin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana ianareo, dia ianao mbamin' ny vahoakanao, araka ny nolazain' i Jehovah ny amin' ny firenena izay tsy mety manompo ny mpanjakan' i Babylona? **14** Koa aza mihaino ny tenin' ny mpaminany izay manao aminareo hoe: Tsy hanompo ny mpanjakan' i Babylona ianareo; fa lainga no vinanin' ireo aminareo. **15** Fa tsy naniraka azy Aho, hoy Jehovah, nefa manandoka ho mpaminany amin' ny anarako ihany izy, mba handroahako anareo, ka ho lany ringana ianareo, dia ianareo sy ny mpaminany izay maminany aminareo. **16** Ary ny mpisorona sy ity firenena rehetra ity dia efa nilazako hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Aza mihaino ny tenin' ny mpaminaninareo, izay maminany aminareo hoe: Indro, ny fanaky ny tranon' i Jehovah hampodina faingana avy any Babylona; fa lainga no vinaniny aminareo. **17** Aza mihaino azy, fa manompoa ny mpanjakan' i Babylona, dia ho velona ianareo; fa nahoana no ho rava ity tanàna ity? **18** Fa raha mpaminany tokoa ireo, ary raha ao aminy tokoa ny tenin' i Jehovah, dia aoka hifona amin' i Jehovah, Tompon' ny maro, izy, mba tsy ho lasa ho any Babylona koa ny fanaka sisa ao an-tranon' i Jehovah sy ao an-tranon'

ny mpanjakan' ny Joda sy ato Jerosalema **19** Fa izao ny lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, ny amin' ny andry sy ny tavin-drano lehibe sy ny fitoeran-tavin-drano ary ny amin' ny fanaka hafa izay mbola sisa amin' ity tanàna ity, **20** dia izay tsy nalain' i Nebokadnezara mpanjakan' i Babylona, fony izy nitondra an' i Jekonia, zanak' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda, ho babo avy tany Jerosalema ho any Babylona, mbamin' ny manan-kaja rehetra amin' ny Joda sy Jerosalema, **21** eny, izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, ny amin' ny fanaka izay sisa ao an-tranon' i Jehovah sy ao an-tranon' ny mpanjakan' ny Joda sy ato Jerosalema: **22** Ho any Babylona no hitondrana ireo, sady hitoetra any izy ambara-pahatongan' ny andro hamangiako azy, hoy Jehovah, dia vao ho entiko miakatra izy ka hampodiko amin' ity tanàna ity.

28 Ary tamin' izany taona izany ihany, dia tamin' ny niandohan' ny nanjakan' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, tamin' ny volana fahadimy tamin' ny taona fahefatra, no nitenenan' i Hanania, zanak' i Azora, mpaminany avy tany Gibeona, tamiko tao an-tranon' i Jehovah, teo anatrehan' ny mpisorona sy ny vahoaka rehetra, nanao hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Efa notapahiko ny ziogan' ny mpanjakan' i Babylona, **3** ka ao anatin' ny roa taona no hampodiako ho amin' ity tanàna ity ny fanaka rehetra tao an-tranon' i Jehovah izay nalain' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, avy tamin' ity tanàna ity ka nentiny ho any Babylona: **4** ary Jekonia, zanak' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda, mbamin' ny Joda voababo rehetra, izay lasa tany Babylona, dia hampodiko ho amin' ity tanàna ity, hoy Jehovah; fa hotapahiko ny ziogan' ny mpanjakan' i Babylona. **5** Dia hoy Jeremia mpaminany tamin' i Hanania mpaminany teo anatrehan' ny mpisorona sy ny vahoaka rehetra izay tao an-tranon' i Jehovah, **6** Eny, amena! hoy Jeremia mpaminany; hataon' i Jehovah anie izany! hotanterahin' i Jehovah anie ny teninao, izay novinaninao ny amin' ny hampodiana ny fanaky ny tranon' i Jehovah mbamin' ny babo rehetra hiala any Babylona ka hiverina ho amin' ity tanàna ity indray. **7** Kanefa kosa mba henoinao izao teny izao, izay holazaiko eto anatrehanao sy ny vahoaka rehetra: **8** Ny mpaminany izay tany alohako sy tany alohanao hatramin' ny ela dia naminany ady sy loza ary areti-mandringana ho amin' ny tany maro sy ny fanjakana lehibe. **9** Ny amin' ny mpaminany izay maminany fiadanana raha tanteraka ny teniny, dia ho fantatra ho mpaminany nirahin' i Jehovah tokoa izy. **10** Dia nesorin' i Hanania mpaminany ny zioga tamin' ny vozon' i Jeremia mpaminany ka notapahiny. **11** Ary Hanania niteny teo anatrehan' ny vahoaka rehetra hoe: Izao no lazain' i Jehovah: tahaka izao no hanapahako ny ziogan' i Nebokadnezara, mpanjakan' ny Babylona, ho afaka amin' ny vozon' ny firenena rehetra ao anatin' ny roa taona. Ary dia lasa niala Jeremia mpaminany. **12** Dia tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah, nony efa notapahin' i Hanania mpaminany ho afaka tamin' ny vozon' i Jeremia mpaminany ny zioga, nanao hoe: **13** Mandehana, ka lazao amin' i Hanania hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Zioga hazo no notapahinao, fa zioga vy kosa no hataonao solony. **14** Fa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Zioga vy no nataoko tamin' ny vozon' ireto firenena rehetra ireto mba hanompoany an' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, ka dia hanompo azy izy; eny, na dia ny bibi-dia aza dia nomeko azy koa. **15** Dia hoy Jeremia mpaminany tamin' i Hanania mpaminany: Mba henoy, ry Hanania: Tsy naniraka anao Jehovah; fa ianao dia mampitoky ity firenena ity amin' ny lainga. **16** Koa izao no lazain' i Jehovah: Indro, hesoriko tsy ho amin' ny tany ianao; amin' ity taona ity ihany no hahafatesanao, satria fiodinana tamin' i Jehovah no notorinao **17** Ka dia maty tamin' ny volana fahafito tamin' iny taona iny ihany Hanania mpaminany.

29 Ary izao no fitenin' ny taratasy izay nampitondrain' i Jeremia mpaminany avy tany Jerosalema ho any amin' ny sisa amin' ny loholona voababo sy ho amin' ny mpisorona sy ny mpaminany ary ny vahoaka rehetra, izay nobaboin' i Nebokadnezara ka nentiny avy tany Jerosalema ho any Babylona **2** (rehefa lasa niala tany Jerosalema Jekonia mpanjaka sy ny reniny sy ny tandapa sy ny mpanapaka ny Joda sy Jerosalema mbamin' ny mahay tao-zavatra sy ny mpanefy vy), **3** dia ilay teny nampitondrainy an' i Elasa, zanak' i Safana, sy Gemaria, zanak' i Hilkia, izay nirahin' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, ho any Babylona, ho any amin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, nanao hoe: **4** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, amin' ny babo rehetra izay natolotro ho babo avy tany Jerosalema ho any Babylona: **5** Manaova trano ianareo, ka mitoera aminy; ary manaova tanimboly, ka hano ny vokatra avy aminy. **6** Manambadia, ka miteraha zazalahy sy zazavavy; analao vady ny zanakalahinareo, ary ampanambadio ny zanakavavinareo, mba hiterahany zazalahy sy zazavavy, ka hihamaro anie ianareo, fa tsy hihavitsy. **7** Ary katsaho izay hiadanan' ny tanàna izay nampandehanako anareo ho babo, ary mivavaha amin' i Jehovah ho azy; fa raha miadana izy, dia mba hiadana koa ianareo. **8** Fa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Aza mety hofitahin' ny mpaminaninareo sy ny mpanao fankatovanareo, izay ao aminareo, ary aza mino ny nofinareo izay nofisinareo. **9** Fa lainga no vinaniny aminareo amin' ny anarako; tsy naniraka azy Aho, hoy Jehovah. **10** Fa izao no lazain' i Jehovah: Rehefa tapitra ny fito-polo taona ny amin' i Babylona, dia hamangy anareo Aho, fa hotanterahiko aminareo ny teniko tsara, ka hampodiko ho amin' ity tany ity ianareo. **11** Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin' ny farany. **12** Ary hiantso Ahy ianareo ka handeha sy hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho. **13** Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin' ny fonareo rehetra. **14** Eny, ho hitanareo Aho, hoy Jehovah; ary hampodiko avy amin' ny fahababoana ianareo, ka hangoniko avy any amin' ny

firenena rehetra sy avy any amin' ny tany rehetra izay nandroahako anareo, hoy Jehovah, ka hampodiko ho any amin' ilay tany efa nanolorako anareo hobaboina. **15** Fa hoy ianareo: Jehovah nanangana mpaminany ho anay eto Babylona. **16** Fa izao no lazain' i Jehovah ny amin' ny mpanjaka izay mipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida sy ny amin' ny vahoaka rehetra izay monina amin' ity tanàna ity, dia ny rahalahinareo izay tsy mba lasan-ko babo niaraka taminareo. **17** izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Indro, hampameleziko azy ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana, ka hataoko toy ny aviavy ratsy dia ratsy izay tsy azo hanina noho ny haratsiny izy. **18** Ary henjehiko amin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana izy ka hatolotro ho mpanjenjena any amin' ny fanjakana rehetra ambonin' ny tany, ho fanozonana sy figagana sy zavatra mampisitrisitra sy fandatsa ho an' ny firenena izay nandroahako, azy **19** noho ny tsy nihainoany ny teniko, hoy Jehovah, izay nampitondraiko ny mpaminany mpanompoko ho any aminy, teny, nifoha maraina koa Aho ka naniraka azy, nefa tsy nihaino ianareo, hoy Jehovah. **20** Koa mihainoa ny tenin' i Jehovah, ianareo babo rehetra izay nesoriko tany Jerosalema ho atỳ Babylona. **21** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, ny amin' i Ahaba, zanak' i Kolaia, sy ny amin' i Zedekia, zanak' i Mahaseia, izay maminany lainga aminareo amin' ny anarako: Indro, hatolotro eo an-tanan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, izy, ka dia hovonoiny eo imasonareo. **22** Ary izy roa lahy dia hataon' ny babo rehetra amin' ny Joda izay any Babylona ho fanozonana hoe: Hataon' i Jehovah tahaka an' i Zedekia sy Ahaba, izay nodoran' ny mpanjakan' i Babylona tamin' ny afo, anie ianao, **23** noho ny nanaovany izay fady indrindra tao amin' ny Isiraely sy ny nijangajangany tamin' ny vadin' ny namany ary ny nitenenany lainga tamin' ny anarako, izay tsy nandidiako azy; Izaho no mahalala, ka ho vavolombelona Aho, hoy Jehovah. **24** Ary Semaia Nehelamita dia hilazanao hoe: **25** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Noho ny nampitondranao taratasy tamin' ny anaranao ho amin' ny vahoaka rehetra izay any Jerosalema sy amin' i Zefania mpisorona, zanak' i Mahaseia, ary amin' ny mpisorona rehetra hafa koa nanao hoe: **26** Jehovah efa nanao anao ho mpisorona ho solon' i Joiada mpisorona, mba hanendry izay ho mpiandraikitra ny tranon' i Jehovah, hisakana izay rehetra very saina sy manao azy ho mpaminany, ka dia hasianao boloky hazo ny vozony sy ny tongony; **27** koa nahoana ianao no tsy nananatra mafy an' i Jeremia avy any Anatota, izay manao azy ho mpaminany aminareo? **28** Fa naniraka ho aminay any Babylona izy nanao hoe: Mbola haharitra ela izao, koa manaova trano ianareo, dia mitoera aminy, ary manaova tanimboly, ka hano ny vokatra aminy. **29** Ary Zefania mpisorona namaky izany taratasy izany teo anatrehan' i Jeremia mpaminany. **30** Dia tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah hoe: **31** Maniraha ho any amin' ny babo rehetra, ka lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah ny amin' i Semaia Nehelamita: Noho ny naminanian' i Semaia taminareo, kanefa tsy nirahiko izy tsinona, fa nampitoky anareo tamin' ny lainga **32** dia izao no lazain' i Jehovah: Indro, efa hamaly an' i Semaia Nehelamita sy ny taranany Aho: tsy hanana zanakalahy honina amin' ity firenena ity izy sady tsy hanam-pifaliana amin' ny hahitana ny soa izay hataoko amin' ny oloko, hoy Jehovah, satria fiodinana tamin' i Jehovah no notoriny.

30 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah: **2** Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Soratinao amin' ny boky ny teny rehetra izay efa nolazaiko taminao. **3** Fa, indro, avy ny andro, hoy Jehovah, izay hampodiako ny oloko, dia ny Isiraely sy ny Joda, avy amin' ny fahababoany, hoy Jehovah; eny, hampody azy ho amin' ny tany izay efa nomeko ny razany Aho, dia ho azy izany. **4** Ary izao no teny izay nolazain' i Jehovah ny amin' ny Isiraely sy ny Joda, **5** eny, izao no lazain' i Jehovah: Feo mampangovitra no renay; Misy tahotra, fa tsy fiadanana. **6** Anontanionareo ka izahao, raha mba misy lehilahy mihetsi-jaza; Koa nahoana no samy hitako manery ny valahany amin' ny tànany avy ny lehilahy rehetra hoatra ilay efa mihetsi-jaza iny, ary ny tarehy rehetra dia efa tonga hatsatra avokoa? **7** Indrisy! fa lehibe izany andro izany, ka tsy misy tahaka azy; Andro fahoriana ho an' i Jakoba izany, nefa ho voavonjy ho afaka amin' izany ihany izy. **8** Fa amin' izany andro izany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, dia hotapahiko ny ziogany ho afaka amin' ny vozonao sy hotosako ny fatoranao. Ary ny firenena hafa tsy hampanompo anao intsony; **9** Fa ianao hanompo an' i Jehovah Andriamanitrao sy Davida Mpanjakanao, Izay hatsangako ho anao. **10** Koa aza matahotra ianao, ry Jakoba mpanompoko, hoy Jehovah; Ary aza mivadi-po, ry Isiraely; Fa, indro, hovonjeko avy any lavitra ianao ary ny taranakao avy any amin' ny tany izay nahababo azy; Dia hiverina Jakoba ka hiadana sy handry fahizay, ka tsy hisy hanaitaitra azy. **11** Fa momba anao hamonjy anao Aho, hoy Jehovah; Koa na dia levoniko aza ny firenena rehetra izay nampielezako anao, Hianao tsy mba holevoniko; Nefa kosa mba hanariko araka ny antonony ihany ianao, fa tsy dia havelako fotsiny. **12** Fa izao no lazain' i Jehovah: Maharary ny faharatranao, ary tsy azo sitranina ny ferinao. **13** Tsy misy handahatra ny teninao; Tsy manana plasitera fanasitranana hapetaka amin' ny ferinao ianao. **14** Ireo tia anao dia efa nanadino anao avokoa, tsy mba notadiaviny ianao; Fa famelin' ny fahavalo no namelezako anao, dia ny famaizan' ny lozabe, noho ny habetsahan' ny helokao sy ny hamaroan' ny fahotanao. **15** Nahoana ianao no mitaraina noho ny faharatranao sy noho ny fanaintainanao izay tsy azo atsahatra? Fa noho ny habetsahan' ny helokao sy ny hamaroan' ny fahotanao no nanaovako izany taminao. **16** Koa izay rehetra mihinana anao dia mba hohanina, ary izay rehetra mampahory anao dia ho lasan-ko babo, izay mamabo anao dia hobaboina, ary Izay rehetra mandroba anao dia hatolotro horobaina. **17** Fa hotanterahiko ny fanasitranana anao, eny, hositraniko ny faharatranao, hoy Jehovah, noho ny nanaovany anao hoe: Ilay noroahina, sy hoe: Ziona tsy misy mpitady ity. **18** Izao no lazain' i Jehovah: Indro, hampodiko avy amin' ny fahababoana ny

lain' i Jakoba, ary ny fonenany dia hamindrako fo; ka ny tanàna dia haorina ao amin' ny havoany, ary ny lapan' andriana hitoetra ao amin' izay mahamety azy. **19** Ary hisy fisaorana sy feon' ny mifaly avy ao; Dia hahamaro azy Aho, ka tsy ho vitsy izy, sady hanome voninahitra azy Aho, ka tsy ho ambany izy. **20** Ny zanany koa ho tahaka ny tany aloha, ary ny fiangonany hampitoerina eo anatrehako, dia hovaliako izay rehetra mampahory azy. **21** Ary ilay malazany dia ho avy ao aminy ihany, ary ny mpanapaka azy dia ho avy ao aminy ihany koa; Ary hampanakaiky azy Aho, ka dia hanatona Ahy izy, fa iza no sahy hanao ny ainy ho antoka ka hanatona Ahy? hoy Jehovah. **22** Ary ianareo ho oloko, ary Izaho ho Andriamanitrareo. **23** He! ny tadion' i Jehovah! Mivoaka ny fahatezerana sy ny tadio mitambolimbolina ka miantonta amin' ny lohan' ny ratsy fanahy. **24** Ny firehetan' ny fahatezeran' i Jehovah tsy ho afaka ambara-panefany sy ambara-panatanterany ny hevitry ny fony; Mbola ho fantatrareo marimarina izany any am-parany.

31 Amin' izany andro izany, hoy Jehovah, dia ho Andriamanitry ny isam-pianakavian' ny Isiraely Aho, ary izy ho oloko. **2** Izao no lazain' i Jehovah: Hahita fitia any an-efitra ny olona izay sisa tsy matin' ny sabatra; Handeha Aho ka hanome fitsaharana ho an' ny Isiraely. **3** Tany lavitra any no nisehoan' i Jehovah tamiko ka nanao hoe: Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao. **4** Mbola hanorina anao indray Aho, ka dia hiorina ianao, ry Isiraely virijina! Ary mbola hiravaka mitondra ny ampongatapakao ianao ka hivoaka amin' ny dihin' ny mifaly. **5** Mbola hanao tanim-boaloboka ao amin' ny tendrombohitr' i Samaria ianao; Ny mpamboly dia hamboly sady hihinana ny vokatra. **6** Fa mbola hisy andro hiantsoan' ny mpitazana any amin' ny tany havoan' i Efraima hoe: Mitsangana ianareo, ka andeha isika hiakatra any Ziona, Ho any amin' i Jehovah Andriamanitsika. **7** Fa izao no lazain' i Jehovah: Mihobia amin' ny fifaliana noho ny amin' i Jakoba, ary mifalia noho ny amin' ny lohan' ny firenena, torionareo, deraonareo, ka ataovy hoe: Jehovah ô, vonjeo ny olonao, dia ny sisa amin' ny Isiraely. **8** Indro, hitondra azy avy any amin' ny tany avaratra Aho sy hanangona azy avy any amin' ny faran' ny tany, ka dia samy ho eny aminy avokoa na ny jamba na ny mandringa, na izay manan' anaka na izay mihetsi-jaza; Irai-dia marenina no hiverina atỳ. **9** Amin' ny fitomaniana no hihaviany, ary amin' ny fifonany no hitondrako azy; Ary ho entiko ho eny amoron' ny renirano izy, amin' ny lalana mahitsy izay tsy hahatafintohina azy; Fa Rain' Isiraely Aho, ary Efraima no lahimatoako. **10** Mihainoa ny tenin' i Jehovah, ianareo jentilisa, ary torio any amin' ny tany amoron-tsiraka any lavitra any izany, ka atao hoe: Izay nampiely ny Isiraely no hanangona azy indray sady hitandrina azy toy ny fitandrin' ny mpiandry ondry ny ondriny. **11** Fa Jehovah efa nanavotra an' i Jakoba sy efa nanafaka azy tamin' ny tanan' ny mahery noho izy. **12** Ka dia ho avy ireny ka hihoby ao amin' ny havoan' i Ziona, dia hitanjozotra ho any amin' ny zava-tsoan' i Jehovah, dia ny vary sy ny ranom-boaloboka sy ny diloilo sy ny zanak' ondry ary ny zanak' omby; Ary ny fanahiny ho toy ny tanimboly vonton-drano, ka tsy hihamalazo intsony. **13** Ary amin' izany dia ho faly amin' ny fandihizana ny virijina mbamin' ny zatovo sy ny antitra koa; Fa hampodiko ho fifaliana ny fitomaniany, ka hampiononiko sy hampifaliko izy ho afaka alahelo. **14** Dia hovokisako zava-matavy ny fanahin' ny mpisorona, ary ny oloko ho voky ny zava-tsoako, hoy Jehovah. **15** Izao no lazain' i Jehovah: Nisy feo re tao Rama, dia fidradradradrana sy fitomaniana fatratra; Rahely nitomany ny zanany, ary tsy azo nampiononina izy noho ny amin' ny zanany, satria lany ritra ireny. **16** Izao no lazain' i Jehovah: Atsaharo ny fitomanianao sy ny fandatsahanao ranomaso; Fa hisy valiny tokoa ny ataonao, hoy Jehovah, ary hody avy any amin' ny tanin' ny fahavalo ireny. **17** Ary misy fanantenana ho anao any am-parany, hoy Jehovah; Fa ny zaza dia hiverina ho any amin' ny taniny indray. **18** Efa reko tokoa Efraima nitomany ny tenany hoe: Nofaizanao aho, eny, nofaizana toy ny ombilahy kely tsy voafolaka; Avereno aho, dia ho tafaverina, fa Hianao no Jehovah Andriamanitro. **19** Nony efa niverina tokoa aho, dia vao nahalala fanenenana; Ary rehefa nampahafantarina ny toe-tenako aho, dia niteha-tratra; Menatra sady mangaihay aho, fa latsain' ny tsinin' ny fahatanorako. **20** Zanako mahafinaritra va Efraima, zaza malalako va izy, no dia fatra-pahatsiaro azy isaky ny mitezitra azy Aho? Noho izany dia onena azy ny foko; Hamindra fo aminy tokoa Aho, hoy Jehovah. **21** Manangàna famantaran-dalana ho anao ianao, manorena tsangam-bato; Saino tsara ny lalana efa voavoatra, dia ilay lalana efa nalehanao; Miverena indray, ry Isiraely virijina, miverena indray ho amin' ireto tanànanao ireto. **22** Mandra-pahoviana no hirioriovanao, ry zanakavavy mpiodina? Fa Jehovah efa namorona zava-baovao amin' ny tany: Vehivavy no hanodidina lehilahy. **23** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Mbola holavina indray ao amin' ny tanin' ny Joda sy ao amin' ny tanànany izao teny izao, raha hampodiko avy amin' ny fahababoany izy: Hotahin' i Jehovah anie ianao, ry fonenan' ny fahamarinana, sy ry tendrombohitry ny fahamasinana! **24** Ary ny Joda sy ny tanànany rehetra dia hiara-monina ao aminy ho mpiasa tany sy ho mpilasy mitondra ny andian' ny ondry aman' osiny. **25** Fa ny fanahy ana dia hampisotroiko, ary ny fanahy mihaosa rehetra dia hovokisako. **26** Ary tamin' izay dia nahatsiaro aho ka nahita; Ary mamiko ny torimasoko. **27** Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, ka hafafiko eo amin' ny taranak' Isiraely sy ny taranak' i Joda Ny taranak' olombelona sy ny taranaky ny biby fiompy. **28** Ary toy ny niambenako azy hongotana sy hazera sy harodana sy horavana ary hampahorina, dia ho toy izany no hiambenako azy Haorina sy hambolena kosa, hoy Jehovah. **29** Amin' izany andro izany izy dia tsy hanao intsony hoe: ny ray no nihinana voaloboka maharikivy, ka ny nifin' ny zanany no madilo. **30** Fa ny olona rehetra samy ho fatin' ny helony avy; Izay rehetra homana ny voaloboka maharikivy. Dia izy ihany no hadilo nify. **31** Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay hanaovako fanekena vaovao amin' ny taranak' Isiraely

sy ny taranak' i Joda, **32** Nefa tsy araka ny fanekena nataoko tamin' ny razany tamin' ny andro nitantanako azy nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta; Fa izy ireny dia nivadika ny fanekeko, Nefa Izaho no vadiny, hoy Jehovah. **33** Fa izao no fanekena havoko amin' ny taranak' Isiraely. Rehefa afaka izany andro izany, hoy Jehovah: Dia hataoko ao an-tsainy ny lalàko sady hosoratako ao ampony; Ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko. **34** Ary samy tsy hampianatra ny namany sy ny rahalahiny avy intsony izy hoe: Mahalalà an' i Jehovah; Fa samy hahalala Ahy avokoa izy rehetra. Hatramin' ny kely indrindra ka hatramin' ny lehibe indrindra, hoy Jehovah; Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany. **35** Izao no lazain' i Jehovah, Izay manome ny masoandro ho fahazavana amin' ny antoandro ary ny filahatry ny volana sy ny kintana ho fahazavana amin' ny alina, Izay mampanonja ny ranomasina, ka dia mirohondrohona ny onjany, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany: **36** Raha miova eo anoloako izany filahatra izany, hoy Jehovah, dia hitsahatra tsy ho firenena eo anatrehako mandrakizay kosa ny taranak' Isiraely. **37** Izao no lazain' i Jehovah: Raha misy maharefy ny lanitra ambony, na mahafantatra ny fanorenan' ny tany ambany, dia Izaho kosa hanary ny taranak' Isiraely rehetra noho izay rehetra nataony, hoy Jehovah. **38** Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay hanorenana ity tanàna ity indray ho an' i Jehovah hatramin' ny tilikambon' i Hananela ka hatramin' ny vavahady an-jorony. **39** Ary ny famolaina dia mbola hohenjaniko mahitsy hatreo antampon' ny tendrombohitra Gareba, dia hasangodina ho any Goa; **40** Ary ny lohasaham-paty sy lavenona rehetra sy ny saha rehetra hatramin' ny Lohasahan-driaka Kidrona ka hatramin' ny zoron' ny vavahadin-tsoavaly atsinanana dia ho masìna ho an' i Jehovah; Tsy hongotana na horavana intsony izy mandrakizay.

32 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah tamin' ny taona fahafolo nanjakan' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, dia ny taona fahavalo ambin' ny folo nanjakan' i Nebokadnezara. **2** Fa tamin' izany no nanaovan' ny miaramilan' ny mpanjakan' i Babylona fahirano an' i Jerosalema; ary Jeremia mpaminany nambenana teo ankianjan' ny trano fiambenana, izay teo amin' ny tranon' ny mpanjakan' ny Joda. **3** Fa Zedekia, mpanjakan' ny Joda, nampiambina azy ka nanao hoe: Nahoana ianao no maminany hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Indro, hatolotro eo an-tànan' ny mpanjakan' i Babylona ity tanàna ity, ka ho afany; **4** ary Zedekia, mpanjakan' ny Joda, dia tsy ho afa-mandositra ny tanan' ny Kaldeana, fa hatolotra eo antànan' ny mpanjakan' i Babylona tokoa izy, ary hiteny aminy mifanatrika izy sady hifankahita maso aminy; **5** ary ho any Babylona no hitondrana an' i Zedekia, ka ho any izy ambara-pamangiko azy, hoy Jehovah; na dia miady amin' ny Kaldeana aza ianareo, dia tsy hambinina. **6** Ary hoy Jeremia: Tonga tamiko ny tenin' i Jehovah hoe: **7** Indro Hanamela, zanak' i Saloma, rahalahin-drainao, ho avy eto aminao hanao hoe: Vidionao ny sahako izay ao Anatota, fa ianao no havana akaiky tokony hanavotra azy. **8** Ary Hanamela, zana-drahalahin' ikaky, dia tonga tamiko teo ankianjan' ny trano fiambenana araka ny tenin' i Jehovah, ka hoy izy tamiko: Masìna ianao, vidio ny sahako izay ao Anatota, dia ilay ao amin' ny tanin' ny Benjamina, fa ianao no havana akaiky tokony handova sy hanavotra azy, vidio re ho anao. Ka dia fantatro fa tenin' i Jehovah izany. **9** Ary novidiko tamin' i Hanamela, zana-drahalahin' ikaky, ny saha izay tao Anatota, ary nolanjaiko ny vola, dia sekely volafotsy fito ambin' ny folo. **10** Ary nosoratako tamin' ny taratasy izany ka nasiako tombo-kase sady nasiako vavolombelona, ary nolanjaiko tamin' ny mizana ny vola. **11** Ka dia noraisiko ny taratasy nisy ny fanekena tamin' ny vidin-tany, dia ilay voaisy tombo-kase araka ny lalàna sy ny fanao, mbamin' ny taratasy mivelatra koa; **12** dia natolotro an' i Baroka, zanak' i Neria, zanak' i Mahaseia, ilay taratasy nisy ny fanekena tamin' ny vidin-tany, teo imason' i Hanamela, zana-drahalahin' ikaky, sy teo anatrehan' ny vavolombelona izay nanao sonia tamin' ny taratasy nisy ny fanekena tamin' ny vidin-tany, dia teo anatrehan' ny Jiosy rehetra izay nipetraka teo an-kianjan' ny trano fiambenana. **13** Ary nandidy an' i Baroka teo anatrehan' ireo aho nanao hoe: **14** Izao no lazain' i Jenovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Ento ireto taratasy ireto, dia ireto taratasy misy ny fanekena amin' ny vidin-tany, dia ilay misy tombo-kase, mbamin' ny taratasy mivelatra, ary ataovy ao anaty vilany tany izy mba haharitra ela. **15** Fa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Mbola hisy trano sy saha ary tanim-boaloboka hovidina indray eto amin' ity tany ity. **16** Ary rehefa voatolotra an' i Baroka, zanak' i Neria, ilay taratasy nisy ny fanekena tamin' ny vidin-tany, dia nivavaka tamin' i Jehovah aho hoe: **17** Indrisy, Jehovah Tompo ô! Indro, Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany tamin' ny herinao lehibe sy ny sandrinao ahinjitra, ary tsy misy zava-mahagaga izay tsy hainao. **18** Mamindra fo amin' ny arivo arivo Hianao ary mamaly ny heloky ny ray ho ao an-tratran' ny zanany mandimby azy dia Andriamanitra lehibe sy mahery, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany, **19** lehibe amin' ny fisainana sy mahery amin' ny atao; fa ny masonao mibanjina ny alehan' ny zanak' olombelona rehetra mba hanome azy rehetra araka ny lalany avy sy araka ny vokatry ny asany, **20** dia Ilay nanisy famantarana sy fahagagana tany amin' ny tany Egypta ka mandraka androany koa, na ao amin' ny Isiraely, na ao amin' ny olona hafa koa, ka dia nanao anarana ho Anao tahaka ny amin' izao anio izao. **21** Ary nitondra ny Isiraely olonao nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta Hianao tamin' ny famantarana sy ny fahagagana ary ny tanana mahery sy ny sandry nahinjitra ary ny fampahatahorana lehibe, **22** ka dia nanome azy ity tany ity, izay efa nianiananao nolazainao tamin' ny razany homena azy, dia tany tondradrononо sy tantely. **23** Ary tonga teto izy, dia nandova azy, nefa tsy nihaino ny feonao izy sady tsy nandeha araka ny lalànao; ary tsy nanao na inona na inona tamin' izay rehetra nasainao nataony izy, ka dia nataonao mihatra aminy izao loza rehetra izao. **24** Indro, ny tovon-tany efa miorina akaikin' ny tanàna hanafahana azy, ary ny tanàna dia atolotra eo an-tànan' ny Kaldeana izay mamely azy noho

ny sabatra sy ny mosary sy ny areti-mandringana; ary izay nolazainao dia tonga, ka indro, hitan' ny masonao izany. **25** Ary Hianao, Jehovah Tompo ô, dia niteny tamiko ka nanao hoe: Vidionao vola ny saha, ary makà vavolombelona, na dia efa voatolotra eo an-tànan' ny Kaldeana aza ny tanàna. **26** Dia tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah hoe: **27** Indro, Izaho no Jehovah, Andriamanitry ny nofo rehetra; moa misy zava-mahagaga izay tsy haiko va? **28** Koa izao no lazain' i Jehovah: Indro, efa hatolotro eo an-tànan' ny Kaldeana ity tanàna ity sy eo an-tànan' i Nebokadnezara mpanjakan' i Babylona, ka ho afany. **29** Ary ny Kaldeana, izay efa mamely ity tanàna ity dia hiditra ary handrehitra afo eto ka handoro azy mbamin' ny trano izay efa nandoroana ditin-kazo manitra teo an-tampony ho an' i Bala, sady nanidinana fanatitra aidina ho an' andriamani-kafa mba hampahatezitra Ahy. **30** Fa izay ratsy eo imasoko ihany no nataon' ny Zanak' Isiraely sy ny taranak' i Joda hatry ny fony ireo mbola kely; fa ny Zanak' Isiraely efa nampahatezitra Ahy tamin' ny asan' ny tànany, hoy Jehovah. **31** Fa ity tanàna ity dia efa nampahatezitra sy nampahavinitra Ahy hatramin' ny andro nanorenana azy ka mandraka androany, mba hanesorako azy tsy ho eo anatrehako, **32** noho ny ratsy rehetra nataon' ny Zanak' Isiraely sy ny taranak' i Joda, dia izy sy ny mpanjakany sy ny mpanapaka azy sy ny mpisorony sy ny mpaminaniny sy ny lehilahy amin' ny Joda ary ny mponina any Jerosalema, mba hampahatezitra Ahy. **33** Fa efa niamboho Ahy izy, fa tsy nanatrika Ahy, ary na dia nampianariko aza izy — eny, nifoha maraina koa Aho ka nampianatra azy, dia tsy nihaino mba hahazoany anatra izy. **34** Fa nametraka ny fahavetavetany tato amin' ny trano izay efa niantsoana ny anarako izy handotoany azy; **35** ary nanorina ny fitoerana avon' i Bala, izay ao amin' ny Lohasahan' ny taranak' i Hinoma, izy mba hampandeha ny zananilahy sy ny zananivavy hamaky ny afo ho an' i Moloka, izay tsy nandidiako azy, na tao an-tsaiko akory aza, ka dia nanao izany fahavetavetana izany izy mba hampanota ny Joda. **36** Koa noho izany dia izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, ny amin' ity tanàna ity, izay ataonareo hoe: Hatolotra eo an-tànan' ny mpanjakan' i Babylona amin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana izy: **37** Indro izy hangoniko avy any amin' ny tany rehetra izay nandroahako azy tamin' ny fahatezerako sy ny fisafoahako ary ny fahavinirana be; ary ho entiko amin' ity tany ity indray izy ka hataoko mandry fahizay; **38** ary izy ho oloko, ary Izaho ho Andriamaniny. **39** Dia homeko fo iray sy lalana iray izy, mba hatahorany Ahy lalandava hahasoa azy sy ny zanany mandimby azy; **40** dia hanao fanekena mandrakizay aminy Aho, dia ny tsy hitsaharako amin' ny fanasoavako azy; ary ny fahatahorana Ahy dia hataoko ao am-pony kosa, mba tsy hialany amiko. **41** Eny, ho faly aminy Aho ka hahasoa azy, dia hamboly azy amin' ity tany ity tokoa amin' ny foko rehetra sy ny fanahiko rehetra. **42** Fa izao no lazain' i Jehovah: Araka ny nampahatongavako izao loza lehibe rehetra izao tamin' ity firenena ity, dia araka izany asa no hampahatongavako ny soa rehetra izay nokasaiko ho azy. **43** Ary mbola hisy fividianana saha eto amin' ity tany ity, izay ataonareo hoe Tany lao tsy misy olona na biby fiompy sady efa voatolotra eo an-tànan' ny Kaldeana. **44** Eny, saha no hovidin' ny olona vola, ka hosoratany amin' ny taratasy sy hasiany tombo-kase ary hasiany vavolombelona ao amin' ny tanin' ny Benjamina sy amin' ny manodidina an' i Jerosalema sy amin' ny tanànan' ny Joda sy amin' ny tanàna any amin' ny tany havoana sy amin' ny tanàna ny amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka ary amin' ny tanàna any amin' ny tany atsimo; fa hampodiko avy amin' ny fahababoany izy, hoy Jehovah.

33 Ary tonga fanindroany tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah, raha mbola voahazona teo an-kianjan' ny trano fiambenana ihany izy, nanao hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah, Mpanao izany, dia Jehovah Izay namorona izany mba hampitoetra azy; Jehovah no anarany; **3** Antsoy Aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao. **4** Fa izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely; Ny amin' ny trano amin' ity tanàna ity sy ny amin' ny lapan' ny mpanjakan' ny Joda, izay noravana noho ny tovon-tany sy ny sabatra, **5** Raha mandroso hiady amin' ny Kaldeana izy ka mameno ny trano amin' ny fatin' olona, izay novonoiko tamin' ny fahatezerako sy ny fahavinirako, sady nanafenako ny tavako tamin' ity tanàna ity noho ny faharatsiany rehetra: **6** Dia, indro, hotanterahiko tokoa ny fanasitranana azy, eny, hositraniko izy, ary hasehoko aminy ny haren' ny fiadanana sy ny fahamarinana. **7** Ary ny Joda sy ny Isiraely dia hampodiko avy amin' ny fahababoany, ka haoriko ho toy ny taloha izy. **8** Ary hodioviko ho afaka amin' ny helony rehetra izy, izay nanotany tamiko; Ka havelako ny helony rehetra, izay nanotany sy niodinany tamiko. **9** Ary ho anarana mahafaly Ahy izany sady ho dera sy voninahitra ho an' ny firenena rehetra ambonin' ny tany, izay handre ny soa rehetra ataoko aminy; Dia hatahotra sy hangovitra izy noho ny soa rehetra sy noho ny fiadanana rehetra izay hataoko aminy. **10** Izao no lazain' i Jehovah: Mbola ho re indray eto amin' ity tany ity, izay ataonareo hoe Rava, ka tsy misy olona na biby fiompy intsony dia eto amin' ny tanànan' ny Joda sy ao amin' ny lalamben' i Jerosalema izay efa lao, ka tsy misy olona na mponina na biby fiompy **11** Ny feo mifaly sy ny feo miravoravo, dia ny feon' ny mpampakatra sy ny feon' ny ampakarina ary ny feon' izay manao hoe: Miderà an' i Jehovah, Tompon' ny maro, fa tsara Izy, fa mandrakizay ny famindram-pony, dia izay mitondra fanati-pisaorana ho ao an-tranon' i Jehovah; Fa hataoko tonga tahaka ny tany aloha ny fahatsarany, hoy Jehovah. **12** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Eto amin' ity tany efa lao tsy misy olona na biby fiompy ity sy amin' ny tanànany rehetra dia mbola hisy fonenan' ny mpiandry ondry hampandriany ny ondry aman' osiny, **13** Dia amin' ny tanàna any amin' ny tany havoana sy amin' ny tanàna any amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka, ary amin' ny tanana any amin' ny tany atsimo sy amin' ny tanin' ny Benjamina sy amin' ny manodidina an' i Jerosalema ary amin' ny tanànan' ny Joda, ary ny ondry aman' osy mbola handroso araka ny fitondran' ny mpanisa azy, hoy Jehovah. **14** Indro, avy ny

andro, hoy Jehovah, Izay hanatanterahako ny teny soa, izay nolazaiko ny amin' ny aranak' Isiraely sy ny taranak' i Joda. **15** Amin' izany andro izany sy amin' izany fotoana izany dia hampaniry Rantsana marina ho an' i Davida Aho; Ary hanao fitsarana sy fahamarinana amin' ny tany Izy. **16** Amin' izany andro izany dia hovonjena ny Joda, ary Jerosalema handry fahizay; Ary izao no hanononana azy: Jehovah Fahamarinantsika. **17** Fa izao no lazain' i Jehovah: Davida tsy ho diso zanakalahy Hipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' ny taranak' Isiraely; **18** Ary ny Levita mpisorona tsy ho diso zanakalahy ho eo anatrehako, Mba hanaterany mandrakariva fanatitra dorana sy fanatitra hohanina ary fanatitra hafa alatsa-drà. **19** Ary tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **20** Izao no lazain' i Jehovah: Raha mahafoana ny fanekeko ny amin' ny andro sy ny fanekeko ny amin' ny alina ianareo, mba tsy hisy andro sy alina amin' ny fotoany, **21** Dia ho azo foanana koa ny fanekeko tamin' i Davida mpanompoko, tsy hananany zanakalahy hanjaka eo amin' ny seza fiandrianany, sy ny amin' ny Levita mpisorona, mpanompoko. **22** Toy ny hamaroan' ny kintana eny amin' ny lanitra, izay tsy azo isaina, ary toy ny fasika any amin' ny ranomasina, izay tsy azo afàtra, dia toy izany no hanamaroako ny taranak' i Davida mpanompoko sy ny Levita, izay manao fanompoam-pivavahana ho Ahy. **23** Ary tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **24** Tsy hitanao va izay nolazain' ity firenena ity hoe: Ny fianakaviana roa izay nofidin' i Jehovah dia efa nariany; Toy izany no anamavoany ny oloko, ka dia tsy vanon-ko firenena eo imasony intsony izy. **25** Izao no lazain' i Jehovah: Raha tsy amin' ny andro sy ny alina ny fanekeko, ary raha tsy notendreko ny lalàna fitondrana ny lanitra sy ny tany, **26** Dia hariako ny taranak' i Jakoba sy Davida mpanompoko, ka ny taranany tsy mba hanalako ho mpanapaka ny taranak' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba; Fa hampodiko avy amin' ny fahababoana izy ka hamindrako fo.

34 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah, fony Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, sy ny miaramilany rehetra ary ny fanjakana rehetra amin' ny tany izay nanjakany mbamin' ny firenena rehetra izay namely an' i Jerosalema sy ny tanànany rehetra, nanao hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Mandehana, lazao amin' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, ka ambarao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Indro, hatolotro eo an-tànan' ny mpanjakan' i Babylona ity tanàna ity, ka hodorany amin' ny afo izy; **3** ary ianao tsy ho afa-mandositra ny tànany, fa ho voasambotra tokoa ka hatolotra eo an-tànany; ary ny masonao hahita ny mason' ny mpanjakan' i Babylona, dia hiteny mifanatrika aminao izy, sady ho tonga any Babylona ianao. **4** Nefa henoy ny tenin' i Jehovah, ry Zedekia, mpanjakan' ny Joda. Izao no lazain' i Jehovah ny aminao: Tsy ho fatin-tsabatra ianao. **5** fa amin' ny fiadanana no hahafatesanao, ary handoro zavatra ho fisaonana anao ny olona, tahaka ny nandoroany ho fisaonana ny razanao, dia ireny mpanjaka fahiny tany alohanao, ary hitomany anao ny olona hoe: Indrisy ry tompoko; fa Izaho no efa nilaza izany, hoy Jehovah. **6** Dia nolazain' i Jeremia mpaminany tamin' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, tany Jerosalema izany teny rehetra izany. **7** fony ny miaramilan' ny mpanjakan' i Babylona mbola namely an' i Jerosalema sy ny tanànan' ny Joda sisa rehetra, dia Lakisy sy Azeka: fa ireo ihany no tanàna mimanda sisa tamin' ny tanànan' ny Joda. **8** Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah, rehefa nanao fanekena tamin' ny vahoaka rehetra izay tany Jerosalema Zedekia mpanjaka hitory fanafahana aminy, **9** mba samy handefa ny ankizilahiny sy ny ankizivaviny, dia izay Hebreolahy sy Hebreovavy, ho afaka, mba tsy hisy hampanompo ny Jiosy rahalahiny intsony. **10** Ka dia nanaiky ny mpanapaka rehetra sy ny vahoaka rehetra izay nanao ny fanekena, samy handefa ny ankizilahiny sy ny ankizivaviny ho afaka mba tsy hampanompoany azy intsony; eny, nanaiky izy, ka samy nandefa azy ho afaka. **11** Kanjo taorian' izany dia nanenina izy, ka naveriny indray ireo ankizilahy sy ankizivavy izay efa nalefany ho afaka ireo, dia nandevoziny ho ankizilahiny sy ho ankizivaviny indray. **12** Ary tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah hoe: **13** Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Izaho efa nanao fanekena tamin' ny razanareo tamin' ny andro nitondrako azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta hiala tamin' ny trano nahandevozana nanao hoe: **14** Isam-pito taona samia mandefa ny Hebreo rahalahiny, izay namidy taminao; ka rehefa nanompo anao enin-taona izy, dia alefaso ho afaka; nefa ny razanareo tsy nihaino Ahy ka nanongilana ny sofiny. **15** Ary nibebaka ianareo androany ka nanao izay mahitsy eo imasoko tamin' ny niantsoanareo fanafahana, samy handefa ny rahalahiny avy; ary nanao fanekena teo anatrehako ianareo, dia tao amin' ny trano izay efa niantsoana ny anarako; **16** kanjo nivadika indray ianareo ka tsy nanamasina ny anarako, fa samy namerina ny ankizilahiny sy ny ankizivaviny, izay efa nalefanareo handeha araka izay tiany, dia nanandevo azy ho ankizilahiny sy ho ankizivaviny indray. **17** Koa izao no lazain' i Jehovah: Hianareo tsy nihaino Ahy ka tsy nety nitory fanafahana ho an' ny rahalahinareo sy ny namanareo avy; dia, indro, miantso fanafahana ho anareo kosa Aho, hoy Jehovah, nefa ho an' ny sabatra sy ny areti-mandringana ary ny mosary; ary hatolotro ho mpanjenjena any amin' ny fanjakana rehetra amin' ny tany ianareo. **18** Ary hatolotro ny olona izay nivadika ny fanekeko ka tsy nahatana ny tenin' ny fanekena, izay nataony teo anatrehako fony nosasahiny ny ombilahy kely, ka nandeha teo anelanelan' ny tapany izy, **19** eny, hatolotro ny mpanapaka ny Joda sy ny mpanapaka any Jerosalema sy ny tandapa sy ny mpisorona ary ny vahoaka rehetra, izay nandeha teo anelanelan' ny tapaky ny ombilahy kely, **20** dia hatolotro eo an-tànan' ny fahavalony sy eo an-tànan' izay mitady ny ainy, ary ho fihinan' ny voro-manidina sy ny bibi-dia ny fatiny. **21** Ary Zedekia, mpanjakan' ny Joda, sy ny mpanapaka dia hatolotro eo an-tànan' ny fahavalony sy eo an-tànan' izay mitady ny ainy ary eo an-tànan' ny miaramilan' ny mpanjakan' i Babylona, izay efa lasa niala taminareo. **22** Indro, handidy Aho, hoy Jehovah, ary hampivereniko ho amin' ity tanàna ity ireo; ary

hasiany ity ka ho afany, dia hodorany amin' ny afo; ary ny tanànan' ny Joda dia hofoanako tsy hisy mponina.

35 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah tamin' ny andron' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda, nanao hoe: **2** Mankanesa any amin' ny taranak' i Rekaba, ary mitenena aminy, dia ampidiro ao an-tranon' i Jehovah, ao amin' ny efi-trano anankiray, izy, ka omeo divay hosotroiny. **3** Dia nalaiko Jazania, zanak' i Jeremia, zanak' i Habazinia, sy ny rahalahiny sy ny zanany rehetra mbamin' ny taranak' i Rekaba rehetra, **4** ka nampidiriko ho ao amin' ny tranon' i Jehovah izy, dia tao amin' ny efi-tranon' ny taranak' i Hanana zanak' i Jigdalia, lehilahin' Andriamanitra, izay ao anilan' ny efi-tranon' ny mpanapaka, ao ambonin' ny efi-tranon' i Mahaseia, zanak' i Saloma, mpiandry varavarana. **5** Ary norosoako kapoaka sy siny feno divay teo anoloan' ny taranak' i Rekaba ka nolazaiko taminy hoe: Misotroa divay ianareo. **6** Fa hoy kosa ireo: Tsy hisotro divay izahay; fa Jonadaba, zanak' i Rekaba, razanay efa nafatra anay hoe: Aza mba misotro divay ianareo na ny taranakareo mandrakizay; **7** ary aza manao trano ianareo, na mamafy voan-javatra, na manao tanim-boaloboka, na mety hanana izany akory, fa lay no itoeronareo amin' ny andronareo rehetra, mba ho ela velona ianareo amin' ny tany izay ivahinianareo. **8** Dia nankatoavinay izany tenin' i Jonadaba, zanak' i Rekaba, razanay izany tamin' izay rehetra nanafarany anay, mba tsy hisotro divay amin' ny andronay rehetra, na izahay na ny vadinay, na ny zanakai-lahy, na ny zanakai-vavy; **9** ary tsy hanao trano hitoeranay, na hanana tanimboly, na saha, na voan-javatra izahay; **10** fa efa nitoetra an-day izahay araka izay rehetra nanafaran' i Jonadaba razanay anay. **11** Fa raha nananika ny tany Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona. Dia hoy izahay: Andeha isika hankany Jerosalema handositra ny miaramilan' ny Kaldeana sy ny miaramilan' ny Syriana, ka dia izany no itoerany eto Jerosalema. **12** Dia tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah hoe: **13** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Andeha, lazao amin' ny Joda sy amin' ny mponina any Jerosalema hoe: Tsy hino anatra hitandrina ny teniko va ianareo? hoy Jehovah. **14** To ny tenin' i Jonadaba, zanak' i Rekaba, izay nanafarany ny zanany tsy hisotro divay, fa tsy misotro tokoa izy mandraka androany, fa mahatana ny hafa-drazany, ary Izaho efa niteny taminareo, eny, nifoha maraina koa Aho ka niteny, nefa tsy nihaino ianareo. **15** Nirahiko taminareo koa ny mpaminany mpanompoko rehetra, eny, nifoha maraina koa Aho ka naniraka azy hanao hoe: Samia miala amin' ny lalanareo ratsy ianareo ankehitriny, ary ataovy tsara ny ataonareo, ary aza manaraka andriamani-kafa hanompo azy, dia honina amin' ny tany izay nomeko anareo sy ny razanareo ianareo nefa tsy nanongilana ny sofinareo na nihaino Ahy ianareo. **16** Eny, nankatoavin' ny zanak' i Jonadaba, zanak' i Rekaba, ny hafa-drazany, izay nanafarany azy; fa ity firenena ity kosa tsy mba nihaino Ahy. **17** Koa izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny maro, Andriamanitry ny Isiraely Indro, hataoko mihatra amin' ny Joda sy ny mponina rehetra any Jerosalema ny loza rehetra izay nolazaiko hatao aminy, satria efa niteny taminy Aho, fa tsy nihaino izy, ary niantso azy Aho, fa tsy namaly izy. **18** Ary ny taranak' i Rekaba dia nilazan' i Jeremia hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Noho ny nahatananareo ny hafatr' i Jonadaba razanareo sy ny nitandremanareo ny hafany rehetra ary ny nanaovanareo araka izay rehetra nanafarany anareo, **19** dia izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Jonadaba, zanak' i Rekaba, tsy ho diso zanakalahy hitsangana eo anatrehako mandrakizay.

36 Ary tamin' ny taona fahefatra nanjakan' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda, dia tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah izao teny izao hoe: **2** Makà horonan-taratasy ianao, ka soraty amin' izany ny teny rehetra izay nolazaiko taminao ny amin' ny Isiraely sy ny Joda ary ny firenena rehetra hatramin' ny andro nilazako taminao dia hatramin' ny andron' i Josia ka mandraka androany. **3** Angamba hoheverin' ny taranak' i Joda ny loza rehetra izay kasaiko hatao aminy, dia samy hiala amin' ny lalany ratsy avy izy, ka havelako ny helony sy ny fahotany. **4** Ary Jeremia niantso an' i Baroka, zanak' i Neria, ary dia nosoratan' i Baroka tamin' ny horonan-taratasy ny tenin' i Jehovah rehetra avy tamin' ny vavan' i Jeremia, dia izay efa nolazainy taminy. **5** Ary Jeremia nandidy an' i Baroka hoe: Izaho izao dia voahazona ka tsy afaka mankany an-tranon' i Jehovah; **6** fa mandehana ianao, ka vakio eo anatrehan' ny vahoaka ao an-tranon' i Jehovah amin' ny andro fifadiankanina ny tenin' i Jehovah, izay efa nosoratanao avy tamin' ny vavako, ary vakio eo anatrehan' ny Joda rehetra izay tonga avy any amin' ny tanànany koa. **7** Fa angamba ny fifonany hoborahina eo anatrehan' i Jehovah, ka dia samy hiala amin' ny lalany ratsy avy izy; fa loza ny fahatezerana sy ny fahavinirana izay nolazain' i Jehovah ny amin' ity firenena ity. **8** Ary Baroka, zanak' i Neria, dia nanao araka izay rehetra nandidian' i Jeremia mpaminany azy ka namaky ny tenin' i Jehovah tamin' ny taratasy teo an-tranon' i Jehovah. **9** Fa tamin' ny volana fahasivy tamin' ny taona fahadimy manjakan' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda, dia niantso fifadian-kanina teo anatrehan' i Jehovah izy tamin' ny vahoaka rehetra tany Jerosalema sy tamin' ny olona rehetra izay efa tonga tany Jerosalema avy eny amin' ny tanànan' ny Joda. **10** Dia novakin' i Baroka teo anatrehan' ny vahoaka rehetra tao an-tranon' i Jehovah ny tenin' i Jeremia tamin' ny taratasy, dia tao amin' ny efi-tranon' i Gemaria, zanak' i Safana mpanoratra, teo amin' ny kianja ambony, teo anoloan' ny vavahady vaovao amin' ny tranon' i Jehovah. **11** Ary nony ren' i Mikaia, zanak' i Gemaria, zanak' i Safana, ny tenin' i Jehovah rehetra tamin' ny boky, **12** dia nidina nankany amin' ny tranon' ny mpanjaka izy ka nankao amin' ny efi-tranon' ny mpanoratra; ary indreo ny mpanapaka rehetra nipetraka teo, dia Elisama mpanoratra sy Delaia, zanak' i Semaia, sy Elnatana zanak' i Akbora, sy Gemaria, zanak' i Safana, sy Zedekia, zanak' i Hanania, mbamin' ny mpanapaka rehetra. **13** Dia nambaran' i Mikaia azy ny

teny rehetra izay efa reny tamin' ny namakian' i Baroka ny taratasy teo anatrehan' ny vahoaka. **14** Dia nirahin' ny mpanapaka rehetra Jehody, zanak' i Netania, zanak' i Selemia, zanak' i Kosy, ho any amin' i Baroka hanao hoe: Ento eny an-tananao ny horonan-taratasy, ilay novakinao teo anatrehan' ny vahoaka, ka mankanesa atỳ. Dia nentin' i Baroka, zanak' i Neria, teny an-tànany ny horonan-taratasy, ka dia nankany aminy izy. **15** Ary hoy izy Ireo taminy: Mipetraha ary, ka vakio eto anatrehanay. Dia novakin' i Baroka teo anatrehany. **16** Ary rehefa reny ny teny rehetra, dia nifampijerijery tamin-tahotra izy, ka hoy izy tamin' i Baroka: Tsy maintsy holazainay amin' ny mpanjaka izany teny rehetra izany. **17** Ary Baroka dia nadininy hoe: Lazao aminay ny nanoratanao izao teny rehetra izao avy tamin' ny vavany. **18** Dia hoy Baroka taminy: Ny vavany no nanonona izany teny rehetra izany tamiko, ka dia nosoratako an-taratasy tamin' ny ranomainty. **19** Dia hoy ny mpanapaka tamin' i Baroka: Mandehana, ka miere ianao sy Jeremia, ary aoka tsy hisy olona hahita izay itoeranareo. **20** Dia niditra tao amin' ny mpanjaka tao amin' ny kianja izy ireo (nefa ny horonan-taratasy efa napetrany tao amin' ny efi-tranon' i Elisama mpanoratra), ary nambarany teo anatrehan' ny mpanjaka ny teny rehetra. **21** Ary nirahin' ny mpanjaka Jehody haka ilay horonan-taratasy, dia nalainy tao amin' ny efi-tranon' i Elisama mpanoratra iny. Ary dia novakin' i Jehody teo anatrehan' ny mpanjaka sy ny mpanapaka rehetra izay nitsangana teo anatrehan' ny mpanjaka izany. **22** Ary ny mpanjaka nipetraka tao an-trano ririnina tamin' ny volana fahasivy, sady nisy afo nirehitra teo am-patana teo anoloany. **23** Ary nony efa namaky toko telo na efatra Jehody, dia notapatapahin' ny mpanjaka tamin' ny antsipika ny horonan-taratasy ka natsipitsipiny teo anaty afo teo am-patana, mandra-pahalevon' ny afo azy rehetra teo am-patana. **24** Nefa ny natahotra akory ireo na nandriatra ny fitafiany, na ny mpanjaka, na ny mpanompony rehetra, izay efa nandre izany teny rehetra izany. **25** Ary na dia efa nifona tamin' ny mpanjaka aza Elnatana sy Delaia ary Gemaria, mba tsy handoro ny horonan-taratasy, dia tsy nety nihaino azy izy. **26** Ary ny mpanjaka nandidy an' i Jeremeia, zanak' andriana, sy Seraia, zanak' i Azriela, ary Selemia, zanak' i Abdela, hisambotra an' i Baroka mpanoratra sy Jeremia mpaminany; fa nafenin' i Jehovah izy roa lahy. **27** Dia tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah, taorian' ny nandoroan' ny mpanjaka ny horonan-taratasy sy ny teny izay nosoratan' i Baroka avy tamin' ny vavan' i Jeremia, nanao hoe: **28** Makà horonan-taratasy hafa koa indray ianao, ka soraty aminy ilay teny rehetra tamin' ny horonan-taratasy teo, dia ilay nodoran' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda. **29** Ary ny amin' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda, dia holazainao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Hianao efa nandoro iny horonan-taratasy iny ka nanao hoe: Ahoana no nanoratanao tamin' iny hoe: Ho avy tokoa ny mpanjakan' i Babylona ka handrava ity tany ity sy hahalany ritra ny olona mbamin' ny biby eto? **30** Koa izao no lazain' i Jehovah ny amin' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda: Tsy hanana fara handimby eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida izy; ary ny fatiny dia hariana ka hasian' ny hainandro amin' ny antoandro ary ny fanala amin' ny alina. **31** Ary hampijaliko izy mbamin' ny taranany sy ny mpanompony noho ny helony; ary havoko mihatra aminy sy amin' ny mponina any Jerosalema ary amin' ny lehilahy amin' ny Joda ny loza rehetra izay nolazaiko hatao aminy, fa tsy nohenoiny. **32** Ary Jeremia dia naka horonan-taratasy hafa koa, ka natolony an' i Baroka mpanoratra, zanak' i Neria, ary izy nanoratra tao avy tamin' ny vavan' i Jeremia ny teny rehetra izay tao amin' ilay horonan-taratasy nodoran' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda, tamin' ny afo; sady nampiany teny maro tahaka ireny koa aza.

37 Ary Zedekia mpanjaka, zanak' i Josia, dia nanjaka nandimby an' i Jekonia, zanak' i Joiakima, fa nampanjakain' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, tao amin' ny tanin' ny Joda izy; **2** nefa na izy, na ny mpanompony, na ny vahoaka, dia samy tsy nihaino ny tenin' i Jehovah, izay nampilazainy an' i Jeremia mpaminany. **3** Ary Zedekia mpanjaka naniraka an' i Jehokala, zanak' i Selemia, sy Zefania, zanak' i Mahaseia, mpisorona, ho any amin' i Jeremia mpaminany hanao hoe: Mba ivavaho amin' i Jehovah Andriamanitsika re izahay. **4** Ary Jeremia mbola niditra sy nivoaka teo amin' ny olona ihany; fa tsy mbola nataony tao an-trano-maizina izy. **5** Ary efa niainga avy tany Egypta ny miaramilan' i Farao, ka raha nahare izany ny Kaldeana izay nanao fahirano an' i Jerosalema, dia niala tany Jerosalema izy. **6** Dia tonga tamin' i Jeremia mpaminany ny tenin' i Jehovah hoe: **7** Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Izao no lazaonareo amin' ny mpanjakan' ny Joda, izay naniraka anareo hankatỳ amiko hanontany amiko: Indro, ny miaramilan' i Farao, izay efa niainga hamonjy anareo, dia hiverina ho any Egypta taniny; **8** fa ho avy indray ny Kaldeana ka hamely ity tanana ity sady hanafaka azy sy handoro azy amin' ny afo. **9** Izao no lazain' i Jehovah: Aza mamita-tena foana ianareo ka manao hoe: Hiala amintsika tokoa ny Kaldeana; fa tsy hiala izy tsy akory. **10** Fa na dia mamely ny miaramilan' ny Kaldeana rehetra izay miady aminareo aza ianareo, ka izay voalefona no ho sisa velona, ireo aza dia samy hitsangana avy ao anaty lainy ka handoro ity tanàna ity amin' ny afo. **11** Ary raha niala tany Jerosalema ny miaramilan' ny Kaldeana noho ny amin' ny miaramilan' i Farao, **12** dia nivoaka Jeremia avy tao Jerosalema hankany amin' ny tanin' ny Benjamina mba handray izay anjarany eo amin' ny vahoaka. **13** Ary raha tonga teo am-bavahadin' i Benjamina izy, dia, indro, ny kapitenin' ny mpiambina, atao hoe Jiria, zanak' i Selemia, zanak' i Hanania, no teo; dia nisambotra an' i Jeremia mpaminany izy ka nanao hoe: Miray tetika amin' ny Kaldeana ianao. **14** Fa hoy Jeremia: Lainga izany. Tsy miray tetika amin' ny Kaldeana aho. Nefa tsy nino azy ireo, ka dia nosamborin' i Jiria ihany Jeremia ary nentiny ho ao amin' ny mpanapaka. **15** Ary tezitra tamin' i Jeremia ny mpanapaka ka nikapoka azy, dia nandatsaka azy tao an-trano-maizina tao amin' ny tranon' i Jonatana mpanoratra; fa izany no nataony trano-maizina. **16** Ary nony tafiditra tao an-trano-maizina, tao amin' ilay niefitrefitra, Jeremia, ka efa nitoetra tao andro

maro, **17** dia naniraka haka azy Zedekia mpanjaka; ary ny mpanjaka nanontany azy mangingina tao an-tranony nanao hoe: Moa misy teny avy tamin' i Jehovah tokoa va? Dia hoy Jeremia: Eny, misy; ary hoy koa izy: Hatolotra eo an-tànan' ny mpanjakan' i Babylona ianao. **18** Ary hoy koa Jeremia tamin' i Zedekia mpanjaka: Inona no ratsy nataoko taminao, na tamin' ny mpanomponao, na tamin' ity firenena ity, no dia nataonareo tao an-trano-maizina aho? **19** Aiza moa ireo mpaminaninareo, izay naminany taminareo hoe: Tsy ho avy hiady aminareo na hamely ity tany ity ny mpanjakan' i Babylona? **20** Koa trarantitra ianao, ry tompokolahy mpanjaka, henoy kely ange! aoka hoborahina eto anatrehanao ny fifonako, ka aza averina ho ao amin' ny tranon' i Jonatana mpanoratra aho, fandrao dia maty ao. **21** Dia nasain' i Zedekia mpanjaka nataony teo amin' ny kianjan' ny trano fiambenana Jeremia, ka nasainy nomena mofo iray isan' andro isan' andro avy any amin' ny fitoeran' ny mpanao mofo izy, ambara-pahalanin' ny mofo rehetra tao an-tanàna. Toy izany no nitoeran' i Jeremia teo amin' ny kianjan' ny trano fiambenana.

38 Ary Safatia, zanak' i Matana, sy Gedalia, zanak' i Pasora, sy Jokala, zanak' i Semelia, ary Pasora, zanak' i Malkia, dia nandre ny teny izay efa nolazain' i Jeremia tamin' ny vahoaka rehetra nanao hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah: Izay mitoetra amin' ity tanàna ity dia ho fatin-tsabatra sy mosary ary areti-mandringana; fa izay mivoaka hanatona ny Kaldeana kosa no ho velona; fa ny ainy no ho babony, ka ho velona izy. **3** Izao no lazain' i Jehovah: Ity tanàna ity dia hatolotra eo an-tànan' ny miaramilan' ny mpanjakan' i Babylona tokoa ka ho afany. **4** Dia hoy ny mpanapaka tamin' ny mpanjaka: Trarantitra ianao, aoka hovonoina ity lehilahy ity; fa mampiraviravy tanana ny miaramila izay sisa amin' ity tanàna ity mbamin' ny olona rehetra izy noho ny nitenenany taminy araka izany teny izany; fa ity lehilahy ity tsy mba mitady izay hiadanan' ity firenena ity, fa izay hahatonga loza aminy kosa. **5** Dia hoy Zedekia mpanjaka: Indro, eo an-tananareo izy; fa ny mpanjaka tsy mahefa na inona na inona hisakana anareo. **6** Ary naka an' i Jeremia izy ka nandatsaka azy tao amin' ny lavaka famorian-dranon' i Malkia, zanak' andriana, izay tao amin' ny kianjan' ny trano fiambenana; ary nampidininy tamin' ny mahazaka Jeremia. Ary tsy nisy rano tao amin' ny lavaka, fa fotaka fotsiny ihany, ka dia nilentika tamin' ny fotaka Jeremia. **7** Ary Ebeda-meleka Etiopiana, tandapa anankiray tao amin' ny tranon' ny mpanjaka, raha nandre ny nandatsahany an' i Jeremia tao amin' ny lavaka (nipetraka teo amin' ny vavahadin' ny Benjamina ny mpanjaka androtr' iny), **8** dia nivoaka avy tao an-tranon' ny mpanjaka izy ka nanao tamin' ny mpanjaka hoe: **9** Ry tompokolahy mpanjaka, ratsy avokoa izay rehetra nataon' ity firenena ity tamin' i Jeremia mpaminany, fa nataony tao an-davaka izy ka ho faty mosary ao amin' izay itoerany, satria tsy misy mofo intsony ato an-tanàna. **10** Ary ny mpanjaka nandidy an' i Ebeda-meleta Etiopiana hoe: Mitondrà telo-polo lahy hiaraka aminao hampakatra an' i Jeremia mpaminany hiala ao anaty lavaka, dieny tsy mbola maty izy. **11** Ary Ebeda-meleka nitondra ny olona niaraka taminy, ka dia lasa nankany amin' ny tranon' ny mpanjaka eo ambanin' ny trano firaketana, ary naka lamba rovitra sy vorodamba tao izy, ka nampidininy tamin' ny mahazaka ho ao amin' ny lavaka izany ho ao amin' i Jeremia. **12** Dia hoy Ebeda-meleka Etiopiana tamin' i Jeremia: Ataovy eo ambanin' ny helikao ireto lamba rovitra sy vorodamba ireto ho efitry ny mahazaka, dia nataon' i Jeremia izany; **13** ka dia nosintoniny tamin' ny mahazaka Jeremia ka nakariny avy tao anaty lavaka, ary dia nitoetra teo amin' ny kianjan' ny trano fiambenana izy. **14** Ary Zedekia mpanjaka naniraka naka an' i Jeremia mpaminany hankao aminy tao amin' ny fidirana fahatelo, izay ao an-tranon' i Jehovah. Dia hoy ny mpanjaka tamin' i Jeremia: Hanontany zavatra kely aminao aho, ka aza anafenana. **15** Ary hoy Jeremia tamin' i Zedekia: Raha ambarako anao, dia tsy hovonoinao tokoa va re aho? Fa na dia omeko saina aza ianao, dia tsy hihaino ahy tsinona. **16** Ary Zedekia mpanjaka nianiana mangingina tamin' i Jeremia nanao hoe: Raha velona koa Jehovah, Izay nanao izao fanahintsika izao, dia tsy hamono anao tokoa aho, na hanolotra anao eo an-tànan' ireto olona mitady ny ainao ireto. **17** Dia hoy Jeremia tamin' i Zedekia: Izao ary no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Raha mivoaka hanatona ny mpanapaky ny mpanjakan' i Babylona tokoa ianao, dia ho velona ny ainao, sady tsy hodorana amin' ny afo ity tanàna ity, fa ho velona ianao sy ny mpianakavinao; **18** fa raha tsy mivoaka hanatona ny mpanapaky ny mpanjakan' i Babylona kosa ianao, dia hatolotra eo an-tànan' ny Kaldeana ity tanàna ity, sady hodorany amin' ny afo izy, ary tsy ho afa-mandositra ny tànany ianao. **19** Ary hoy Zedekia mpanjaka tamin' i Jeremia: Matahotra ny Jiosy izay efa nanatona ny Kaldeana aho, fandrao hatolony eo an-tànany aho ka hataony fihomehezana. **20** Fa hoy Jeremia: Tsy hanolotra anao izy tsy akory. Trarantitra ianao, ankatoavy ny tenin' i Jehovah, izay lazaiko aminao, mba hahita soa ianao, ka ho velona ny ainao. **21** Fa raha tsy mety mivoaka kosa ianao, dia izao no teny efa nasehon' i Jehovah ahy: **22** Indreo, ny vehivavy rehetra izay sisa ao an-tranon' ny mpanjakan' ny Joda dia ho entina mivoaka ho any amin' ny mpanapaky ny mpanjakan' i Babylona, ary ireo vehivavy ireo dia hanao hoe: Ireo sakaizanao no nitaona anao sady naharesy anao; Ary latsaka tao amin' ny honahona ny tongotrao, dia nilaozany nihemotra ianao. **23** Ny vadinao rehetra sy ny zanakao dia ho entina mivoaka ho any amin' ny Kaldeana; ary ianao tsy ho afa-mandositra ny tànany, fa ho azon' ny tanan' ny mpanjakan' i Babylona; ary noho ianao no handoroana ity tanàna ity amin' ny afo. **24** Dia hoy Zedekia tamin' i Jeremia: Aoka tsy ho ren' olona ary izany teny izany, mba tsy ho faty ianao. **25** Fa raha ren' ny mpanapaka fa niresaka taminao aho, ary tonga aminao izy ka manao aminao hoe: Ambarao aminay ankehitriny izay nolazainao tamin' ny mpanjaka, aza afenina anay, fa tsy hamono anao izahay; ary ambarao koa izay nolazain' ny mpanjaka taminao; **26** dia ataovy aminy hoe: Noborahina teo anatrehan' ny mpanjaka ny fifonako, mba tsy hamerenany ahy ho faty any amin' ny

tranon' i Jonatana. **27** Ary nankany amin' i Jeremia ny mpanapaka rehetra ka nanontany azy; dia nolazainy taminy araka izay teny rehetra nandidian' ny mpanjaka azy. Ary tsy niresaka taminy intsony ireo, ka dia tsy re ny raharaha. **28** Ary Jeremia nitoetra teo amin' ny kianjan' ny trano fiambenana mandra-pahatongan' ny andro nanafahana an' i Jerosalema.

39 Ary rehefa afaka Jerosalema (tamin' ny volana fahafolo tamin' ny taona fahasivy nanjakan' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, no nahatongavan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, sy ny miaramilany rehetra hamely an' i Jerosalema ka nanao fahirano azy; **2** ary nony tamin' ny andro fahasivy tamin' ny volana fahefatra tamin' ny taona fahiraika ambin' ny folo nanjakan' i Zedekia, dia nisy voabanga ny tanàna), **3** dia niditra ny mpanapaky ny mpanjakan' i Babylona rehetra ka nipetraka teo amin' ny vavahady ampovoany, dia Nergala-sarezera sy Samgarnebo sy Sarsekima. Raba-sarisa, sy Nergala-sarezera Raba-magy, mbamin' ny sisa rehetra amin' ny mpanapaky ny mpanjakan' i Babylona. **4** Ary rehefa nahita ireo Zedekia, mpanjakan' ny Joda, sy ny miaramila rehetra, dia nandositra izy ka lasa nandeha alina niala tao an-tanàna, nahazo ny lalana mankamin' ny sahan' ny mpanjaka, tamin' ny vavahady eo anelanelan' ny manda roa; ary lasa nivoaka nankany amin' ny lalana mankeny amin' ny tani-hay izy. **5** Fa ny miaramilan' ny Kaldeana nanenjika azy ka nahatratra an' i Zedekia teny amin' ny tani-hay any Jeriko; ary nony azony izy, dia nentiny niakatra ho any amin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, tao Ribla tao amin' ny tany Hamata; ka dia notsarainy tao izy. **6** Ary ny zanakalahin' i Zedekia dia novonoin' ny mpanjakan' i Babylona tao Ribla teo imason-drainy; ary ny manan-kaja rehetra tamin' ny Joda koa dia novonoin' ny mpanjakan' i Babylona. **7** Ary nopotsiriny ny mason' i Zedekia, dia nafatony tamin' ny gadra varahina izy ho entiny any Babylona. **8** Ary nodoran' ny Kaldeana tamin' ny afo ny tranon' ny mpanjaka sy ny tranon' ny vahoaka, ary ny mandan' i Jerosalema noravany. **9** Ary ny olona sisa tao an-tanàna sy izay efa nanatona azy ary ny vahoaka sisa koa dia nentin' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, ho babo tany Babylona. **10** Nefa ny olona malahelo izay tsy nanana na inona na inona kosa dia nisy ihany navelan' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, tao amin' ny tanin' ny Joda sady nomeny tanim-boaloboka sy tanimboly tamin' izany andro izany. **11** Ary Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, nanome teny an' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, ny amin' i Jeremia nanao hoe: **12** Ento izy, ka tandremo tsara, fa aza asian-dratsy fa araka izay lazainy aminao no ataovy aminy. **13** Ary Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, sy Nebosazbana, Raba-sarisa, sy Nergala-sarezera, Raba-magy, ary ny mpanapaky ny mpanjakan' i Babylona rehetra **14** dia naniraka haka an' i Jeremia teo amin' ny kianjan' ny trano fiambenana, ka natolony an' i Gedalia, zanak' i Ahikama, zanak' i Safana, mba ho entiny any an-trano izy, ka dia nitoetra tao amin' ny olona. **15** Ary tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah, fony izy mbola voahazona tao amin' ny kianjan' ny trano fiambenana ihany, nanao hoe: **16** Mandehana, ka lazao amin' i Ebeda-meleka Etiopiana hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, hotoviko amin' ity tanàna ity ny teniko hahatonga loza, fa tsy soa; ary ho tanteraka eo imasonao izany amin' izany andro izany. **17** Nefa hovonjeko ianao amin' izany andro izany, hoy Jehovah, fa tsy mba hatolotra eo an-tànan' ny olona izay atahoranao. **18** Fa hovonjeko tokoa ianao ka tsy holavon-tsabatra; eny, ny ainao no ho babonao, satria efa natoky Ahy, hoy Jehovah.

40 Izao no teny tonga tamin' i Jeremia avy tamin' i Jehovah, taorian' ny nandefasan' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, azy niala tany Rama, tamin' ilay nampanalany azy fony izy mbola nigadra tao amin' ny babo rehetra avy tany Jerosalema sy Joda, izay nentina ho babo tany Babylona. **2** An' ny lehiben' ny mpiambina dia naka an' i Jeremia ka nanao taminy hoe: Jehovah Andriamanitrao nanambara izao loza izao, izay nanjo ity tanàna ity. **3** Ary Jehovah nahatonga izany ka nanao araka izay nolazainy, noho ny nanotanareo tamin' i Jehovah sy ny tsy nihainoanareo ny feony, dia izany no nahatonga izao zavatra izao taminareo. **4** Ary, indro, ankehitriny vahako izao ny gadra amin' ny tananao. Koa raha sitraky ny fonao kosa ny hiaraka amiko hankany Babylona, dia andeha, fa hotandremako tsara ianao; nefa raha tsy sitraky ny fonao ny hiaraka amiko ho any Babylona, dia mijanòna ihany; indro, ny tany rehetra dia eo anoloanao, koa izay tany tianao sy sitrakao no andehano. **5** Ary raha tsy mbola nety nandeha izy, dia hoy Nebozaradana: Miverena indray any amin' i Gedalia, zanak' i Ahikama, zanak' i Safana, izay voatendrin' ny mpanjakan' i Babylona ho mpanapaka ny tanànan' ny Joda ka tomoera aminy ao amin' ny olona, na mandehana any amin' izay tianao haleha na aiza na aiza. Dia nomen' ny lehiben' ny mpiambina vatsy sy fanomezana izy ka nalefany handeha. **6** Ary Jeremia nankany amin' i Gedalia, zanak' i Ahikama, tany Mizpa ka niara-nonina taminy tao amin' ny vahoaka izay sisa velona tamin' ny tany. **7** Ary raha ren' ny mpifehy ny miaramila rehetra izay tany an-tsaha sy ny olom-peheziny fa ny mpanjakan' i Babylona efa nanendry an' i Gedalia, zanak' i Ahikama, ho mpanapaka ny tany sy ho mpitandrina ny lehilahy mbamin' ny zaza amim-behivavy ary ny malahelo sasany teo amin' ny tany izay tsy mbola lasan-ko babo tany Babylona, **8** dia tonga tany amin' i Gedalia tany Mizpa izy, dia Isimaela, zanak' i Netania, sy Johanana sy Jonatana, zanak' i Karea, sy Seraia, zanak' i Tanometa, sy ny zanak' i Efay Netofatita ary Jazania, zanak' ilay Makatita, dia izy ireny sy ny olom-peheziny avy. **9** Ary Gedalia, zanak' i Ahikama, zanak' i Safana, dia nianiana taminy sy tamin' ny olona-peheziny nanao hoe: Aza matahotra hanompo ny Kaldeana; monena amin' ny tany, ka manompoa ny mpanjakan' i Babylona, dia hahita soa ianareo. **10** Ary ny amiko, dia, indro, honina any Mizpa aho hanompo ny Kaldeana izay ho avy etỳ amintsika; fa ianareo dia manangona divay sy voankazo masaka fahavaratra ary diloilo, ka ataovy ao amin' ny fitehirizanareo, dia monena amin' izay tanàna nidiranareo. **11** Ary koa, ny Jiosy rehetra izay tany Moaba sy tany amin'

ny taranak' i Amona sy tany Edoma ary izay tany amin' ny tany rehetra dia nahare fa ny mpanjakan i Babylona efa namela ny Joda hisy sisa sady efa nanendry an' i Gedalia, zanak' i Ahikama, zanak' i Safana, ho mpanapaka azy, **12** dia niverina ny Jiosy rehetra avy tany amin' ny tany rehetra izay efa nandroahana azy ka tonga tany amin' ny tanin' ny Joda ho any amin' i Gedalia tao Mizpa, ka nanangona divay sy voankazo sesehena masaka fahavaratra izy. **13** Ary Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra izay tany an-tsaha dia tonga tany amin' i Gedalia tany Mizpa **14** ka nanao taminy hoe: Moa fantatrao tokoa va fa Balisa, mpanjakan' ny taranak' i Amona, dia naniraka an' Isimaela, zanak' i Netania, hamono anao? Nefa tsy nino azy Gedalia, zanak i Ahikama. **15** Ary Johanana, zanak' i Karea, nilaza mangingina tamin' i Gedalia tao Mizpa nanao hoe: masìna ianao, aoka aho handeha hamono an' Isimaela, zanak' i Netania, fa tsy hisy olona hahalala izany tsy akory; fa nahoana no havela hamono anao izy ka hampiely ny Jiosy rehetra izay tafangona eto aminao ary hahalany ringana ny sisa amin' ny Joda? **16** Fa hoy Gedalia, zanak' i Ahikama, tamin' i Johanana, zanak' i Karea: Aza manao izany ianao, fa miampanga lainga foana an' Isimaela ianao.

41 Ary tamin' ny volana fahafito dia tonga tany amin' i Gedalia, zanak' i Ahikama, tao Mizpa Isimaela, zanak' i Netania, zanak' i Elisama, taranaky ny mpanjaka, sy ny mpanapaky ny mpanjaka; ary nisy folo lahy niaraka taminy; ary niara-nihinan-kanina tao Mizpa izy. **2** Dia nitsangana Isimaela, zanak' i Netania, sy ireo olona folo lahy niaraka taminy ka namely sabatra an' i Gedalia, zanak' i Ahikama, zanak' i Safana, dia nahafaty ilay efa nataon' ny mpanjakan' i Babylona ho mpanapaka ny tany. **3** Ary ny Jiosy rehetra izay tao aminy, dia izay tao amin' i Gedalia tao Mizpa, sy ny Kaldeana izay hita tao ary ny miaramila dia novonoin' Isimaela avokoa. **4** Ary nony ampitson' ny andro namonoana an' i Gedalia, raha tsy mbola nisy olona nahalala izany, **5** dia nisy valo-polo lahy avy tany Sekema sy Silo ary Samaria, izay samy mihara-bolom-bava, sady voatriatra ny fitafiany, ary voatetika ny tenany, nitondra fanatitra sy ditin-kazo mani-pofona teny an-tànany ho entina ao an-tranon' i Jehovah. **6** Ary Isimaela, zanak' i Netania, dia nivoaka avy tao Mizpa hitsena azy sady nitomany teny am-pandehanana, ary nony efa nihaona taminy izy, dia niteny taminy hoe: Mankanesa any amin' i Gedalia, zanak' i Ahikama. **7** Ary nony tonga tao afovoan' ny tanàna izy ireo, dia novonoin' Isimaela, zanak' i Netania, mbamin' ny olona nanaraka azy izy ka nariany tao anaty lavaka famorian-drano. **8** Fa nisy folo lahy tamin' ireo nanao tamin' Isimaela hoe: Aza vonoina izahay; fa manan-tahiry any an-tsaha izahay, dia vary tritika sy vary hordea sy diloilo ary tantely. Ka dia nijanona izy, fa tsy namono ireo tahaka ny efa nataony tamin' ny namany. **9** Ary ilay lavaka nanarian' Isimaela ny fatin' ny olona rehetra, izay novonoiny ho eo anilan' i Gedalia, dia ilay efa nataon' i Asa mpanjaka mba hiereny an' i Basa, mpanjakan' ny Isiraely, dia nofenoin' Isimaela, zanak' i Netania, faty. **10** Ary nentin' Isimaela ho babo ny olona rehetra izay sisa tao Mizpa, na ny vehivavy zanak' andriana, na ny olona rehetra izay sisa tao Mizpa, izay napetrak' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, tao amin' i Gedalia, zanak' i Ahikama; eny, Isimaela, zanak' i Netania, nitondra azy ireny ho babo, ka dia lasa niala nankany amin' ny taranak' i Amona izy. **11** Fa nony ren' i Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra izay tao aminy ny ratsy rehetra nataon' Isimaela, zanak' i Netania, **12** dia novoriny ny olona rehetra ka nentiny niady tamin' Isimaela, zanak' i Netania ary hitany teo amoron' ny kamory ao Gibeona izy. **13** Ary ny olona rehetra izay tao amin' Isimaela, nony nahita an' i Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra izay tao aminy, dia faly. **14** Ary ny olona rehetra izay nentin' Isimaela ho babo avy tany Mizpa dia nitodika ka niverina nanatona an' i Johanana, zanak' i Karea. **15** Fa Isimaela, zanak' i Netania, sy ny olona valo lahy kosa dia afaka nandositra an' i Johanana ka lasa nankany amin' ny taranak' i Amona. **16** Ary Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra izay tao aminy dia nitondra ny olona rehetra izay voavonjiny ho afaka tamin' Isimaela, zanak' i Netania, avy tany Mizpa, taorian' ny namonoany an' i Gedalia, zanak' i Ahikama, dia ny lehilahy mpiady sy ny zaza amim-behivavy ary ny tandapa, izay nentiny niverina avy tany Gibeona; **17** ary dia lasa izy ireo ka nitoetra tao Gerota-kimama, izay ao akaikin' i Betlehema, mba handehanany hankany Egypta. **18** tsy ho tratry ny Kaldeana; fa natahotra azy izy, satria Isimaela, zanak' i Netania, efa namono an' i Gedalia, zanak' i Ahikama, izay notendren' ny mpanjakan' i Babylona ho mpanapaka ny tany.

42 Ary ny mpifehy ny miaramila rehetra sy Johanana, zanak' i Karea, sy Jazania, zanak' i Hosaia, mbamin' ny vahoaka rehetra, na kely na lehibe, dia nanatona **2** ka niteny tamin' i Jeremia mpaminany hoe: Masìna ianao, aoka hoborahina eto anatrehanao ny fifonanay, ary mba ivavaho amin' i Jehovah Andriamanitrao re izahay, dia ireto sisa rehetra ireto (fa vitsy izahay no sisa, na dia maro aza fahiny, dia araka izao hitan' ny masonao izao), **3** mba hambaran' i Jehovah Andriamanitrao anay izay lalana mety halehanay sy izay zavatra tokony hataonay. **4** Dia hoy Jeremia mpaminany taminy: Efa reko izany; koa, indro, hivavaka amin' i Jehovah Andriamanitrareo ary aho araka ny teninareo; ary ny teny rehetra Izay havalin' i Jehovah anareo dia hambarako anareo, fa tsy hisy hafeniko. **5** Dia hoy izy tamin' i Jeremia: Jehovah no aoka ho vavolombelona marina sy mahatoky amintsika, raha tsy manao araka ny teny rehetra izay anirahan' i Jehovah Andriamanitrao anao aminay izahay. **6** Na ho soa, na ho ratsy, dia hohenoinay ny feon' i Jehovah Andriamanitray, izay nanirahanay anao, mba hahasoa anay, raha mihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitray izahay. **7** Ary nony afaka hafoloana, dia tonga tamin' i Jeremia ny tenin' i Jehovah. **8** Ary izy niantso an' i Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra izay teo aminy mbamin' ny olona rehetra, na kely na lehibe, **9** ka nanao taminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, Izay

efa nanirahanareo ahy mba hoborahiko eo anatrehany ny fifonanareo: **10** Raha mbola honina amin' ity tany ity ihany ianareo, dia haoriko ianareo, fa tsy horavako, ary hamboleko ianareo, fa tsy hongotako, fa manenina Aho ny amin' ny loza namelezako anareo. **11** Aza matahotra ny mpanjakan' i Babylona izay atahoranareo; eny, aza matahotra azy, hoy Jehovah, fa momba anareo Aho hamonjy sy hanafaka anareo amin' ny tànany. **12** Ary hataoko mahita famindrampo ianareo, dia hamindra fo aminareo izy ka hampody anareo ho any amin' ny taninareo. **13** Fa raha hoy kosa ianareo: Tsy honina amin' ity tany ity izahay, ka tsy hihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo, **14** fa manao hoe: Tsia; fa hankany amin' ny tany Egypta izahay, fa any no tsy hahitanay ady, na handrenesanay ny feon' ny anjomara na hahitanay mosary, ka dia any no honenanay, **15** dia mihainoa ny tenin' i Jehovah ankehitriny ianareo izay sisa amin' ny Joda: Izao no lazain' i Jehovah. Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Raha dia mikiry hankany Egypta ihany ianareo ka mandeha hivahiny any, **16** dia hahatratra anareo any amin' ny tany Egypta ny sabatra izay atahoranareo, ary ny mosary izay ahinareo no hanjohy anareo any amin' ny tany Egypta, ary any no hahafaty anareo. **17** Ary ny olona rehetra izay mikiry hankany Egypta hivahiny any dia ho fatin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana any; ary tsy hisy sisa ho afa-mandositra ny loza izay hataoko mihatra aminy. **18** Fa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Toy ny nanidinana ny fahatezerako sy ny fahavinirako tamin' ny mponina any Jerosalema, dia toy izany no hanidinana ny fahatezerako aminareo, raha mankany Egypta ianareo; ary ho fianianana sy ho figagana sy ho fanozonana ary ho fandatsa ianareo, sady tsy hahita ity tany ity intsony. **19** Jehovah efa nilaza ny aminareo, ry sisa amin' ny Joda, hoe: Aza mankany Egypta ianareo; aoka ho fantatrareo tokoa fa efa nanariko androany ianareo. **20** Kanjo efa nivily ianareo ka nahavoa ny ainareo tamin' ny nanirahanareo ahy ho amin' i Jehovah Andriamanitrareo hanao hoe: Mba ivavaho amin' i Jehovah Andriamanitsika re izahay, ary izay rehetra holazain' i Jehovah Andriamanitsika dia ambarao aminay, fa hataonay. **21** Ary efa nambarako taminareo androany; nefa tsy nihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo ny amin' izay zavatra nanirahany ahy ho aminareo. **22** Koa aoka ho fantatrareo marimarina fa ho fatin-tsabatra sy mosary ary areti-mandringana ianareo any amin' ny tany izay tianareo hivahiniana.

43 Ary rehefa tapitra voalazan' i Jeremia tamin' ny vahoaka rehetra izany teny rehetra avy tamin' i Jehovah Andriamaniny izany, izay nanirahan' i Jehovah Andriamanitra azy holazaina aminy, **2** dia niteny Azaria, zanak' i Hosaia, sy Johanana, zanak' i Karea, mbamin' ny olona mpirehareha rehetra ka niteny tamin' i Jeremia hoe: Mandainga ianao; fa tsy naniraka anao Jehovah Andriamanitsika hilaza hoe: Aza mandeha hivahiny any Egypta; **3** fa Baroka, zanak' i Neria, no nanome fo anao hamely anay mba hanolotra anay ho eo an-tànan' ny Kaldeana hahafaty anay sy hahalasa anay ho babo any Babylona. **4** Ary Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra ary ny vahoaka rehetra dia tsy nihaino ny feon' i Jehovah ny amin' ny honenany ao amin' ny tanin' ny Joda. **5** Fa Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra dia nitondra ny sisa rehetra tamin' ny Joda, izay niverina avy tany amin' ny firenena rehetra nandroahana azy honina ao amin' ny tanin' ny Joda, **6** dia ny lehilahy sy ny zaza amim-behivavy sy ny vehivavy zanak' andriana ary ny olona rehetra izay navelan' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, tao amin' i Gedalia, zanak' i Ahikama, zanak' i Safana, sy tao amin' i Jeremia mpaminany sy Baroka, zanak' i Neria **7** ka dia nankany amin' ny tany Egypta izy ireny, fa tsy nihaino ny feon' i Jehovah, ary dia tonga hatrany Tapanesa. **8** Dia tonga tamin' i Jeremia tao Tapanesa ny tenin' i Jehovah hoe: **9** Mitondrà vato lehibe eny an-tananao, ka afeno ao amin' ny feta ao amin' ny gorodona taila, izay eo akaikin' ny vavahady amin' ny tranon' i Farao ao Tapanesa, eo imason' ny lehilahy amin' ny Joda, **10** ka lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Indro Aho haniraka haka an' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, mpanompoko, ka haoriko amin' ireto vato nafeniko ireto ny seza fiandrianany; ary hamelatra ny lambany tsara tarehy hatao alokaloka eo amboniny izy. **11** Eny, ho avy izy hamely ny tany Egypta, ka izay ho amin' ny areti-mandringana dia ho amin' ny areti-mandringana, ary izay ho amin' ny fahababoana dia ho amin' ny fahababoana, ary izay ho amin' ny sabatra dia ho amin' ny sabatra. **12** Ary handrehitra afo ao amin' ny tranon' ny andriamanitr' i Egypta Aho, ka dia hodorany sy hobaboiny ireo, ary hitafy ny tany Egypta izy toy ny fitafin' ny mpiandry ondry ny lambany; ary hiala any amin' ny fiadanana izy. **13** Ary hotorotoroiny ny tsangam-baton-tsampy ao Beti-semesy, izay any amin' ny tany Egypta; ary hodorany amin' ny afo ny tranon' ny andriamanitr' i Egypta.

44 Ny teny izay tonga tamin' i Jeremia ho amin' ny Jiosy rehetra izay nonina tany amin' ny tany Egypta, dia izay nonina tao Migdola sy Tapanesa sy Memfisa, ary tany amin' ny tany Patrosa, nanao hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Hianareo efa nahita ny loza rehetra izay nataoko nihatra tamin' i Jerosalema sy ny tanànan' ny Joda rehetra; ary, indro, efa tany lao ireo ankehitriny, ka tsy misy olona monina intsony ao aminy, **3** noho ny ratsy nataony hampahatezitra Ahy tamin' ny nandehanany handoro ditin-kazo manitra sy hanompo andriamani-kafa izay tsy fantany, na iza, na ianareo, na ny razanareo. **4** Ary naniraka ny mpaminany mpanompoko rehetra taminareo Aho, eny, nifoha maraina koa Aho ka naniraka azy hanao hoe: Masìna ianareo, aza manao izany fahavetavetana halako izany. **5** Nefa tsy nihaino izy na nanongilana ny sofiny hialany amin' ny haratsiany tsy handoro ditin-kazo manitra ho an' andriamani-kafa. **6** Ka dia naidina ny fahavinirako sy ny fahatezerako, eny, nandoro ny tanànan' ny Joda, sy ny teny amin' ny lalamben' i Jerosalema izany, ka dia rava sy lao ireny tahaka ny amin' izao anio izao. **7** Koa izao no lazain' i

Jehovah, Andriamanitry ny maro, dia Andriamanitry ny Isiraely: Ahoana no anaovanareo izao ratsy lehibe singotry ny ainareo izao, haharingana ny lehilahy sy ny vehivavy, ny ankizy madinika sy ny zaza minono ao amin' ny Joda tsy hahamisy miangana anareo, **8** noho ny ampahatezeranareo Ahy amin' ny asan' ny tananareo sy amin' ny andoroana ditin-kazo manitra ho an' andriamani-kafa any amin' ny tany Egypta izay alehanareo hivahiniana, mba haharingana anareo ka hahatonga anareo ho fanozonana sy ho fandatsa any amin' ny firenena rehetra ambonin' ny tany? **9** Moa hadinonareo va ny ratsy nataon' ny razanareo sy ny mpanjakan' ny Joda sy ny vadiny ary ny tenanareo sy ny vadinareo, dia izay nataony tany amin' ny tanin' ny Joda sy teny amin' ny lalamben' i Jerosalema? **10** Tsy mbola torotoro fo izy na dia mandraka androany aza sady tsy natahotra na nandeha araka ny lalàko sy ny didiko, izay napetrako teo anoloanareo sy teo anoloan' ny razanareo. **11** Koa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, hanandrina anareo Aho hahatonga loza haharingana ny Joda rehetra. **12** Ary halaiko ny sisa amin' ny Joda, izay nikiry hankany amin' ny tany Egypta hivahiny any, ka ho lany ritra izy rehetra; any amin' ny tany Egypta no hahalavoany, samy ho ringan' ny sabatra sy ny mosary, eny, na ny kely na ny lehibe dia samy ho fatin-tsabatra sy mosary izy rehetra ka ho tonga fianianana sy figagana sy fanozonana ary fandatsa. **13** Fa hovaliako izay monina any amin' ny tany Egypta, toy ny namaliako an' i Jerosalema, dia amin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana. **14** Ary na sisa amin' ny Joda izay lasa nivahiny tany Egypta dia tsy hisy ho afa-mandositra ho tafaverina any amin' ny tanin' ny Joda, izay niriny hiverenana mba honenany, afa-tsy izay vitsy sendra afa-mandositra ihany. **15** Ary ny lehilahy rehetra, izay nahalala fa ny vadiny efa nandoro ditin-kazo manitra ho an' andriamani-kafa, sy ny vehivavy rehetra izay nitsangana teo, dia vahoaka be dia be, ary ny olona rehetra izay nonina tany amin' ny tany Egypta, tao Patrosa, dia namaly an' i Jeremia hoe: **16** Raha ny amin' ilay teny voalazanao taminay tamin' ny anaran' i Jehovah, dia tsy hihaino anao izahay. **17** Fa hataonay tokoa ny teny rehetra izay naloaky ny vavanay, dia ny handoro ditin-kazo manitra ho an' ny mpanjakavavin' ny lanitra sy ny hanidina fanatitra aidina ho azy, toy ny efa nataonay sy ny razanay sy ny mpanjakanay ary ny mpanapaka anay tany amin' ny tanànan' ny Joda sy teny amin' ny lalamben' i Jerosalema; fa fahizany dia voky hanina izahay sady nambinina ary tsy nahita loza. **18** Fa hatrizay nitsaharanay tsy nandoro ditin-kazo manitra ho an' ny mpanjakavavin' ny lanitra na nanidina fanatitra aidina ho azy izay, dia saiky tsy nanana na inona na inona akory izahay sady ringan' ny sabatra sy ny mosary. **19** Ary raha nandoro ditin-kazo manitra ho an' ny mpanjakavavin' ny lanitra izahay sy nanidina fanatitra aidina ho azy, moa tsy fantatry ny vadinay va ny nanaovanay mofo hasiana ny sariny sy ny nanidinanay fanatitra aidina ho azy? **20** Ary hoy Jeremia tamin' ny olona rehetra, na ny lehilahy na ny vehivavy, dia ny olona rehetra izay efa namaly azy: **21** Ny nandoroanareo ditin-kazo manitra tany an-tanànan' ny Joda sy tany an-dalamben' i Jerosalema, dia ianareo sy ny razanareo sy ny mpanjakanareo sy ny mpanapaka anareo mbamin' ny vahoaka, moa tsy hotsarovan' i Jehovah va izany, ary tsy tao an-tsainy va? **22** Ka dia tsy nahalefitra intsony Jehovah noho ny faharatsian' ny nataonareo sy noho ny fahavetavetana izay nataonareo; koa izany no nanaovana ny taninareo ho lao sy ho figagana ary ho fanozonana, ka tsy misy mponina, tahaka ny amin' izao anio izao. **23** Noho ny nandoroanareo ditin-kazo manitra sy ny nanotanareo tamin' i Jehovah, fa tsy nihaino ny feon' i Jehovah, na nandeha araka ny lalàny sy ny didiny ary ny teny vavolombelony ianareo, dia izany no nahatonga izao loza izao taminareo tahaka ny amin' izao anio izao, **24** Ary hoy koa Jeremia tamin' ny olona rehetra sy tamin' ny vehivavy rehetra: Mihainoa ny tenin' i Jehovah, ry Joda rehetra, izay atỳ amin' ny tany Egypta: **25** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Hianareo sy ny vadinareo samy niteny tamin' ny vavanareo sady nanatanteraka tamin' ny tananareo ka nanao hoe: Hanefa tokoa izay efa nivoadianay izahay ka handoro ditin-kazo manitra ho an' ny mpanjakavavin' ny lanitra sy hanidina fanatitra aidina ho azy; eny, hefainareo tokoa ny voadinareo sady hataonareo tanteraka. **26** Koa henoinareo ny tenin' i Jehovah, ry Joda rehetra, izay monina atỳ amin' ny tany Egypta: Indro Aho efa nianiana tamin' ny anarako lehibe, hoy Jehovah, fa tsy hotononin' ny vavan' ny lehilahy amin' ny Joda eran' ny tany Egypta intsony ny anarako hanao hoe: Raha velona koa Jehovah Tompo. **27** Indro, miambina anareo Aho hahatonga loza, fa tsy soa; ary ny lehilahy rehetra amin' ny Joda, izay atỳ amin' ny tany Egypta, dia ho ringan' ny sabatra sy ny mosary mandra-pahalany ritrany. **28** Ary izay afa-mandositra ny sabatra dia ho tafaverina avy atỳ amin' ny tany Egypta ho any amin' ny tanin' ny Joda, ho vitsy foana anefa ireny; ary ny sisa amin' ny Joda rehetra izay mankany amin' ny tany Egypta hivahiny any dia hahafantatra izay ho tò teny, na ho Izaho, na ho izy. **29** Ary izao no famantarana ho anareo, hoy Jehovah, fa hovaliako eto amin' ity tany ity ianareo, mba hahafantaranareo fa tò tokoa ny teniko hahatonga loza aminareo: **30** Izao no lazain' i Jehovah: Indro, Farao-hofra, mpanjakan' i Egypta, hatolotro eo an-tànan' ny fahavalony sy eo an-tànan' izay miady ny ainy, toy ny efa nanolorako an' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, ho eo an-tànan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, izay fahavalony nitady ny ainy.

45 Ny teny izay nataon' i Jeremia mpaminany tamin' i Baroka, zanak' i Neria, fony izy nanoratra ireto teny ireto tamin' ny taratasy avy tamin' ny vavan' i Jeremia tamin' ny taona fahefatra nanjakan' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda, hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, ny aminao, ry Baroka: **3** Hoy ianao: Idiran-doza aho ity! fa nampian' i Jehovah alahelo ny fanaintainako; efa sasatra ny misento aho ka tsy mahita fitsaharana. **4** Lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Indro, horavako izay efa naoriko, ary hongotako izay efa namboleko, dia izao tany rehetra izao. **5** Mitady zavatra

lehibe ho anao va ianao? aza mitady izany! fa, indro, hahatonga loza ho amin' ny nofo rehetra Aho, hoy Jehovah; fa raha ny ainao dia homeko anao ho babonao ihany any amin' izay rehetra nalehanao.

46 Ny tenin' i Jehovah Izay tonga tamin' i Jeremia mpaminany ny amin' ny jentilisa. **2** Ny amin' i Egypta. Ny amin' ny miaramilan' i Farao-neko, mpanjakan' i Egypta, izay teny amoron' ny ony Eofrata, tany Karkemisy, dia ilay resin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, tamin' ny taona fahefatra nanjakan' i Joiakima, zanak' i Josia, mpanjakan' ny Joda: **3** Mitaova amin' ny ampinga kely sy ny ampinga lehibe, ka mandrosoa hiady; **4** Fehezo amin' ny kalesy ny soavaly, ary itaingeno ny soavaly fitaingina; Mijoroa tsara ianareo, ka samia misatroka fiarovan-doha; Fotsio ny lefona, miakanjoa ny akanjo fiarovan-tena. **5** Indrisy ny ahitako azy! raiki-tahotra sy miamboho izy, ary ny maheriny aza dia efa ripaka, sady miezaka mandositra izy ka tsy miherika akory; Fa misy fampangorohoroana manodidina, hoy Jehovah. **6** Tsy ho afa-mandositra ny haingan-tongotra, na ho afaka ny mahery; Any avaratra eo amoron' ny ony Eofrata no hahatafintohina sy hahalavo azy. **7** Iza moa izato mizotra tahaka an' i Neily, ary ny onjany misamboaravoara toy ny renirano **8** Egypta mizotra tahaka an' i Neily, ary ny onjany misamboaravoara toy ny renirano, ary hoy izy: Hizotra aho ka hanafotra ny tany; Haringako ny tanàna sy ny mponina ao aminy. **9** Miakara, ianareo soavaly, ary miriota toy ny adala, ianareo kalesy; Ary aoka hivoaka ny lehilahy mahery, dia ny Etiopiana sy ny Libyana, izay mitana ampinga, ary ny Lydiana, izay mitana sy manenjana tsipìka. **10** Fa izao andro izao dia an' i Jehovah, Tompon' ny maro, ho andro famaliana hamaliany ny fahavalony; Ary ny sabatra hihinana ka ho voky sy ho mamon' ny ran' ireo; Fa ny Tompo, dia Jehovah, Tompon' ny maro, no mamono zavatra hatao fanatitra any amin' ny tany avaratra ao amoron' ny ony Eofrata. **11** Miakara any Gileada, ka makà balsama, ry Egypta zanakavavy virijina; Foana ny nanaovanao fanafody maro, fa tsy manana plasitera hapetaka amin' ny ferinao ianao, **12** Efa ren' ny firenena ny henatrao, ary ny fiantsoantsoanao nanenika ny tany; fa mifandona ny samy mahery, ka miara-davo izy roa tonta. **13** Ny teny izay nolazain' i Jehovah tamin' i Jeremia mpaminany ny amin' ny hihavian' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, hamely ny tany Egypta. **14** Ambaraonareo any Egypta, ary torio any Migdola, eny, torio any Memfisa sy Tapanesa, ka ataovy hoe: Mijoroa tsara ianao, ka miomàna; Fa mandringana manodidina anao ny sabatra. **15** Nahoana no voapaoka ny maherinao? Tsy nahafahatra izy, satria Jehovah no nandroaka azy. **16** Efa nahatafintohina ny maro Izy, ka lavo mifanindry ireo; Dia hoy ireo: Mitsangàna, ka andeha isika hiverina ho any amin' ny firenentsika sy ho any amin' ny tany nahaterahantsika ho afaka amin' ny sabatra mandoza, **17** Nitaraina tany izy hoe: Tabataba foana Farao, mpanjakan' i Egypta, efa nandiso ny fotoana izy. **18** Raha velona koa Aho, hoy ny Mpanjaka, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany: Tahaka an' i Tabara amin' ny tendrombohitra, sy tahaka an' i Karmela ao amoron-dranomasina, dia ho tahaka izany no hihaviany. **19** Ry Egypta zanakavavy mponina, Mifeheza entana ho entinao any amin' ny fahababoana; Fa ho tonga tany lao Memfisa, eny, hodorana izy, ka tsy hisy mponina. **20** Egypta dia tahaka ny ombivavy kely tsara tarehy dia tsara tarehy; Fa injay! tamy, eny, tamy ny fihitra avy any avaratra! **21** Na dia ny olona karamaina ao aminy aza, izay tahaka ny ombilahy kely mifahy, ireny koa dia mihodìna ka samy mandositra avokoa; Tsy mahajanona izy, fa efa tonga aminy ny andro hahitany loza, dia ny andro hamaliana azy. **22** Ny feony dia toy ny fikasaotsaoky ny menarana mandeha; Fa mandeha hitondra miaramila izy ka avy hamely azy amin' ny famaky toy ny mpikapa hazo. **23** Kapainy ny alany, hoy Jehovah, satria efa nikirindro loatra; Fa maro noho ny valala izy ka tsy tambo isaina. **24** Ho afa-baraka Egypta zanakavavy, Hatolotra eo an-tànan' ny olona any avaratra izy. **25** Ary hoy Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely; Indro, hovaliako Amona avy any Nô Ary Farao sy Egypta mbamin' ny andriamaniny sy ny mpanjakany, dia Farao sy izay rehetra matoky azy; **26** Ary hatolotro eo an-tànan' izay mitady ny ainy izy, dia eo an-tànan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, sy eo an-tànan' ny mpanompony; Ary aorian' izany, dia handry fahizay toy ny tamin' ny andro fahiny ihany izy, hoy Jehovah. **27** Fa aza matahotra ianao, ry Jakoba mpanompoko, ary aza mivadi-po, ry Isiraely; Fa, indro, hovonjeko avy any amin' ny lavitra ianao, ary ny taranakao avy any amin' ny tany nahababo azy; Dia hiverina Jakoba ka hiadana, eny, handry fahizay izy, ka tsy hisy hanaitaitra azy. **28** Aza matahotra ianao, ry Jakoba mpanompoko, hoy Jehovah, fa momba anao Aho; Fa na dia levoniko aza ny firenena rehetra izay nandroahako anao, ianao tsy mba holevoniko, nefa kosa mba hanariko araka ny antonony ihany ianao, fa tsy dia havelako fotsiny.

47 Ny tenin' i Jehovah izay tonga tamin' i Jeremia mpaminany ny amin' ny Filistina, fony Farao tsy mbola namely an' i Gaza. **2** Izao no lazain' i Jehovah: Indro, misy rano mizotra avy any avaratra ka ho tonga ony maria manafotra ny tany mbamin' izay rehetra ao aminy, dia ny tanàna mbamin' izay monina ao aminy; Ka dia hitaraina ny olona, ary hidradradradra ny mponina rehetra amin' ny tany. **3** Noho ny fikatrokatroky ny kitron' ny soavaliny matanjaka sy ny fikorodondrodon' ny kalesiny ary ny fikotrototroky ny kodiany ny ray dia tsy miherika ny zanany, fa efa miraviravy tanana, **4** Noho ny hihavian' ny andro handravana ny Filistina rehetra sy handringanana izay sisa rehetra amin' ny mpamonjy an' i Tyro sy Sidona; Fa horavan' i Jehovah ny Filistina, dia ny sisa avy any amin' ny nosy Kaftora. **5** Voaharatra Gaza, ringana Askelona mbamin' ny sisa amin' ny lohasahany; Mandra-pahoviana no mbola hitetika ny tenanao ianao? **6** Indrisy ry sabatr' i Jehovah! Mandra-pahoviana no tsy hitsaharanao? Midìra ao amin' ny tranonao ihany; Mitsahara, ka mijanòna. **7** Hataony ahoana no fitsahatra. Fa Jehovah no nandidy azy, eny, hamely an' i Askelona mbamin' ny eny amoron-dranomasina no efa nanendreny azy.

48 Ny amin' i Moaba. Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Nidiran-doza Nebo, fa rava! Mangaihay Kiriataima, fa afaka; Mangaihay Misgaba sady raiki-tahotra. **2** Tsy misy ho reharehan' i Moaba intsony; Tao Hesbona no niheverany hampididoza aminy hoe: Andeha horavantsika tsy ho firenena izy. Ho ringana koa ianao, ry Madmena, Hanenjika anao ny sabatra. **3** Injay! misy feo fitarainana ao Horonaima hoe: Fandravana sy fandringanana be! **4** Rava Moaba, ny madinika ao dia mamoaka fitarainana. **5** Fa miakatra mitomany lalandava eny amin' ny fiakarana Lohita izy; Ary amin' ny fidinana mankany Horonaima no andrenesana fitarainana mafy noho ny fandringanana. **6** Mandosira, vonjeo ny ainareo. Ary aoka ho tahaka ny olona mahantra any an-efitra ianareo. **7** Fa noho ny nitokianao tamin' ny asanao sy ny rakitrao dia ho voasambotra koa ianao; Ary Kemosy ho lasan-ko babo, dia ny mpisorony sy ny mpanapaka rehetra. **8** Ary ny mpandringana ho tonga ao amin' ny tanàna rehetra, ka tsy hisy tanàna tsy ho afaka; Ny lohasaha koa ho simba, ary ny tany lemaka ho rava, araka izay nolazain' i Jehovah. **9** Omeo elatra Moaba, fa hanidina izy ka ho lasa; Ary ho lao ny tanànanay, ka tsy hisy mponina. **10** Ho voaozona anie Izay manao tsirambina foana ny asa asain' i Jehovah atao! Eny, ho voaozona anie izay mihazona ny sabany tsy handatsa-drà! **11** Moaba nandry fahizay hatry ny fony izy mbola kely ka niotrika tao amin' ny faikany, fa tsy naidina nafindrafindra siny, ary tsy mbola lasan-ko babo izy; koa izany no aharetan' ny tsirony ao aminy sy tsy iovan' ny fofony. **12** Koa, indro, avy ny andro hanirahako mpanohoka ho any aminy, hoy Jehovah, Izay hanohoka azy ka hahafoana ny fitoeran-divainy sady hanorotoro ny sininy. **13** Ary Moaba ho menatra noho ny amin' i Kemosy toy ny nahamenaran' ny taranak' Isiraely noho ny amin' i Betela tokiny. **14** Ahoana no anaovanareo hoe: Lehilahy matanjaka sady mahery an' ady izahay? **15** Rava Moaba, fa ny tanànany dia efa nanihina. Ary ny zatovony voafantina efa nidina ho any amin' ny famonoana. Hoy ny Mpanjaka, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany. **16** Efa antomotra ny loza hanjo an' i Moaba, ary mimaona ny fahoriany. **17** Mitomania azy, ianareo rehetra izay manodidina azy sy ianareo rehetra izay mahalala ny anarany! Eny, manaova hoe: Indrisy! tapaka ny tehina mafy sy ny tsorakazo tsara tarehy! **18** Ry Dibona, zanakavavy mponina, midìna miala amin' ny voninahitrao, ka mitoera ao amin' ny tany mangentana, fa ilay mandringana an' i Moaba dia miakatra mamely anao sady mandrava ny fiarovanao. **19** Ry mponina any Aroera, mijanòna eny an-dalambe, ka mitazàna, ary izay mandositra, na lehilahy na vehivavy, dia anontanio hoe: Nozoin' inona ianareo? **20** Afa-baraka Moaba, eny, raiki-tahotra izy; Midradradradra sy mitaraina, ka ambaraonareo ao Arnona fa rava Moaba. **21** Ary ny fitsarana dia miakatra ao amin' ny tany lemaka, dia ao Holona sy Jahaza sy Mefata **22** Sy Dibona sy Nebo sy Beti-diblataima **23** Sy Kiriataima sy Beti-gamola sy Beti-meona **24** Sy Keriota ary Bozra, eny, ny tanànan' i Moaba rehetra, na ny lavitra na ny akaiky. **25** Voakapa ny tandrok' i Moaba, ary tapaka koa ny sandriny, hoy Jehovah. **26** Ataovy leony izy, fa niavonavona tamin' i Jehovah; Moaba hihosinkosina amin' ny loany sady mba ho tonga fihomehezana kosa. **27** Fa tsy efa nataonao ho fihomehezana va ny Isiraely? Moa hita fa naman' ny mpangalatra va izy, no dia mihifikifika ianao isaky ny milaza azy? **28** Ry mponina any Moaba! ilaozy ny tanàna, ka mitoera ao amin' ny harambato, ary aoka ho tahaka ny voromailala izay manao ny akaniny erỳ ampitan' ny hantsana ianao. **29** Ffa renay ny fiavonavonan' i Moaba fatra-piavonavona loatra izy dia ny fireharehany sy ny fiavonavonany sy ny fiaingitrainginy ary ny avonavon' ny fony. **30** Izaho mahalala ny fihoa-bavany sy ny fibedibediny foana, hoy Jehovah; Tsinontsinona ny ataony. **31** Koa hidradradradra noho ny amin' i Moaba aho; Eny, hitomany noho ny amin' i Moaba rehetra aho, ary hitsetra noho ny amin' ny mponina ao Kira-haresa ny olona. **32** Mihoatra noho ny fitomanian' i Jazera no hitomaniako anao, ry voalobok' i Sibma, tafita ny ranomasina ny rantsanao ary tonga hatrany amin' ny ranomasin' i Jazera; Ny mpandripaka dia tonga handripaka ny voankazonao masaka fahavaratra sy ny voalobokao. **33** Ary ny hafaliana sy ny faharavoravoana nesorina tamin' ny saha nahavokatra sy tamin' ny tany Moaba, ary nataoko tankina ny divay tamin' ny vata fanantazana ranom-boaloboka, tsy hisy hihoby amin' ny fanitsakitsahana; Ny fihobiana dia tsy fihobiana akory. **34** Ny fitarainan' i Hesbona dia re hatrany Elale sy Jahaza. Hatrany Zoara ka hatrany Horonaima sy Eglata-selisia; Fa na dia ny ranon' i Nimrima aza dia ho ritra koa. **35** Ary hatsahatro ao Moaba koa Izay miakatra hanatitra amin' ny fitoerana avo sy izay mandoro ditin-kazo manitra ho an' ny andriamaniny, hoy Jehovah. **36** Ary noho izany ny foko dia mitomany manao feon-tsodina noho ny amin' i Moaba, ary ny foko mitomany manao feon-tsodina noho ny amin' ny mponina ao Kira-haresa. Eny, noho izany dia levona ny harena be izay nohariny. **37** Fa mibory ny loha rehetra. Ary voaharatra ny somotra rehetra, misy tetika amin' ny tanana rehetra sy lamba fisaonana amin' ny valahana. **38** Eny, amin' ny tampon-trano rehetra any Moaba sy eny an-kalalahana dia misy fisaonana avokoa; Satria torotoroiko toy ny fanaka tsy mahafinaritra intsony Moaba, hoy Jehovah. **39** Indrisy! raiki-tahotra izy! Midradradradrà! Indrisy! efa miamboho Moaba, mangaihay Izy, ka dia tonga fihomehezana sy fampitahorana ho an' izay rehetra manodidina azy. **40** Fa izao no lazain' i Jehovah: Indro, hanidina toy ny voromahery izy ka hamelatra ny elany hipaoka an' i Moaba. **41** Afaka ny tanàna, ka azo ny batery fiarovana, ary amin' izany andro izany ny fon' ny lehilahy maherin' i Moaba dia ho tahaka ny fon' ny vehivavy mihetsi-jaza. **42** Ary horavana tsy ho firenena intsony Moaba. Satria niavonavona tamin' i Jehovah izy. **43** Tahotra sy lavaka ary fandrika no mahazo anao, ry mponina any Moaba, hoy Jehovah. **44** Izay mandositra ny tahotra dia ho latsaka any an-davaka; Ary izay miakatra avy any an-davaka dia ho voan' ny fandrika; Fa hataoko tonga amin' i Moaba ny taona hamaliana azy, hoy Jehovah. **45** Ao amin' ny alokalok' i Hesbona no ijanonan' ny mpandositra, satria lany hery ireny; Kanjo misy

afo mivoaka avy any Hesbona, ary lelafo avy any Sihona, ka mandevona ny sisin' i Moaba sy ny tampon-dohan' ny mpitabataba. **46** Idiran-doza ianao, ry Moaba! Ringana ny olon' i Kemosy! Fa ho babo ny zanakao-lahy, ary ho sambotra ny zanakao-vavy. **47** Nefa mbola hampodiko avy amin' ny fahababoana ihany Moaba any am-parany, hoy Jehovah. Hatreto ny amin' ny fitsarana an' i Moaba.

49 Ny amin' ny taranak' i Amona, Izao no lazain' i Jehovah: Moa tsy manan-janakalahy va Isiraely? Ary tsy manan-kandova va izy? Koa nahoana Gada no lasan' ny mpanjakany, ary ny vahoakany monina ao amin' ny tanànany? **2** Koa, indro, avy ny andro, hoy Jehovah, izay hampandrenesako akoran' ady amin' ny famelezana an' i Raban' ny taranak' i Amona, ary ho tanànaolo rava izy, ary ny zana-bohiny hodorana amin' ny afo; Ary ny Isiraely hahalasa ny an' izay nahalaza azy, hoy Jehovah. **3** Midradradradrà, ry Hesbona, fa rava Ay! Mitaraina, ianareo zanakavavin' i Raba! Misikìna lamba fisaonana ianareo; Manaova fisaonana, ary mivoivoiza eo anaty fefy; Fa lasan-ko babo ny mpanjakany, dia ny mpisorony sy ireo mpanapaka azy. **4** Nahoana no ny lohasaha no ataonao ho reharehanao, dia ny lohasahanao mahavokatra be. Ry zanakavavy mpiodina, izay mitoky amin' ny rakiny ka manao hoe: Iza moa no ho afa-miakatra atỳ amiko? **5** Indro Aho hahatonga tahotra aminao avy amin' izay rehetra manodidina anao, hoy Jehovah, Tompon' ny maro; Ary horoahina samy hizotra amin' izay hitsiny avy ianareo rehetra, sady tsy hisy hamory izay mandositra. **6** Ary rehefa afaka izany, dia hampodiko ihany avy amin' ny fahababoana ny taranak' i Amona, hoy Jehovah. **7** Ny amin' i Edoma. Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Tsy misy fahendrena intsony va ao Temana? Very saina va ny olon-kendry? Lany va ny fahendreny? **8** Mandosira, miambohoa ianareo, mamitsaha ao amin' ny lalina, ry mponina any Dedana, fa ny loza ho an' i Esao dia nataoko nihatra taminy, dia ny andro hamaliako azy. **9** Raha tonga ao aminao ny mpioty voaloboka, dia tsy hamela voaloboka sisa hotsimponina akory izy; Raha avy alina ny mpangalatra, dia handrava mandra-pahafa-pony izy. **10** Izaho dia nampitanjaka an' i Esao, ary naharihariko ny fiereny, ka tsy mahazo miery izy; Ringana ny zanany sy ny rahalahiny ary ny namany, ka tsy ao intsony ireny. **11** Ilaozy ny zanakao ho kamboty, fa Izaho no hamelona azy, ary aoka Izaho no hitokian' ny vadinao mpitondratena. **12** Fa izao no lazain' i Jehovah: Indro, fa na dia izay tsy tokony hisotro amin' ny kapoaka aza dia hisotro tokoa, ka moa ho afa-potsiny va ianao? Tsy ho afa-potsiny ianao, fa tsy maintsy hisotro tokoa. **13** Fa ny tenako no nianianako, hoy Jehovah, fa ho tonga figagana Bozra sy ho fandatsa sy ho rava ary ho fanozonana, ary ny tanànany rehetra ho lao mandrakizay. **14** Fa efa nahare filazana avy tamin' i Jehovah aho, ary nisy iraka nalefa ho any amin' ny jentilisa hanao hoe: Mivoria ianareo, ka mankanesa hamely azy, ary mitsangàna hanafika. **15** Fa, indro, hataoko tsinontsinona eo amin' ny firenena ianao sy fanazimbazimba eo amin' ny olona, **16** Ry ilay monina ao an-tsefatsefaky ny harambato, Izay mifikitra amin' ny tampon' ny havoana, ny fahatahorana anao sy ny avonavon' ny fonao no namitaka anao; Fa na dia ataonao eny amin' ny avo tahaka ny an' ny voromahery aza ny akaninao, dia havariko avy eny ianao, hoy Jehovah. **17** Ary ho figagana Edoma: Izay rehetra mandalo azy dia ho gaga ka hisitrisitra noho ny loza rehetra efa namelezana azy. **18** Ary toy ny nandravana an' i Sodoma sy Gomora mbamin' ny tanàna teny akaikiny, hoy Jehovah, no tsy hisian' olona honina any, na zanak' olombelona hivahiny any. **19** Indro, toy ny fiakatry ny liona avy any amin' ny kirihitrala eny amoron' i Jordana no hiakarany ho any amin' ny misy ahitra mateza; Fa hampandosiriko tampoka Edoma hiala ao, ary izay olona iray voafidy no hotendreko hanapaka azy. Fa iza no tahaka Ahy, ary iza no hifandahatra amiko, ary iza moa no mpiandry ondry mahajanona eo anatrehako? **20** Koa henoy ny saina avy amin' i Jehovah, Izay nosaininy hamelezana an' i Edoma, sy ny heviny izay noheveriny hamelezana ny mponina ao Temana: Hoviraviraina tokoa ireny, dia ny kely indrindra amin' ny ondry; Ho gaga azy tokoa ny saha fiandrasana azy. **21** Tamin' ny fiezinezin' ny fianjerany dia nihorohoro ny tany; Ny feon' ny fitarainany dia re hatrany amin' ny Ranomasina Mena. **22** Indro, hanidina hiakatra toy ny voromahery izy ka hamelatra ny elany eny ambonin' i Bozra; Ary amin' izany andro izany ny fon' ny lehilahy maherin' i Edoma dia ho tahaka ny fon' ny vehivavy mihetsi-jaza. **23** Ny amin' i Damaskosy. Very hevitra Hamata sy Arpada, fa nandre filazan-doza izy ka kivy; Misamboaravoara ny ranomasina ka tsy mety tafatoetra. **24** Efa ketraka Damaskosy ka mihodìna handositra, fa, toran-kovitra izy; Ary azon' ny fahatariana sy ny fanaintainana, toy ny vehivavy raha miteraka. **25** Nahoana re no tsy nilaozana ny tanàna malaza, tanana fifaliako! **26** Ka dia hiampatrampatra eny an-kalalahana ny zatovony. Ary ny miaramila rehetra ho ringana avokoa amin' izany andro izany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **27** Ary hisy afo hampirehetiko ao anatin' ny mandan' i Damaskosy, handevona ny lapan' i Beni-hadada. **28** Ny amin' i Kedara sy ny fanjakan' i Hazora, izay resin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona. Izao no lazain' i Jehovah: Mitsangàna ianareo, ka miakara hamely an' i Kedara, ary aringano ny zanaky ny atsinanana. **29** Halainy ny lainy sy ny ondry aman' osiny, ho entin' ny ambain-dainy mbamin' ny fanaka rehetra sy ny ramevany, sady hiantsoantso hilaza aminy hoe izy: Misy fampangorohoroana manodidina! **30** Mandosira, ka mandehana lavitra! Mamitsaha ao amin' ny lalina, ry mponina any Hazora! hoy Jehovah; Fa Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, nanao saina hamelezany anareo sy namoron-kevitra hamelezany anareo. **31** Mitsangàna, iakaro ny firenena miadana izay tsy manana ahiahy, hoy Jehovah. Dia izay tsy misy vavahady mirindrina na mihidy sady mitoka-monina. **32** Ho babo ny ramevany, ary horobaina ny omby aman' ondriny betsaka, haeliko ho any amin' ny rivotra rehetra ireo voahety sisim-bolo; Ary ho entiko avy amin' ny manodidina rehetra ny loza hanjo azy, hoy Jehovah, **33** Ary Hazora dia ho fonenan' ny amboadia sy ho tany lao mandrakizay; Tsy hisy olona honina any, Na

zanak' olombelona hivahiny any. **34** Ny tenin' i Jehovah izay tonga tamin' i Jeremia mpaminany ny amin' i Elama tamin' ny niandohan' ny nanjakan' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, hoe: **35** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Indro, hotapatapahiko ny tsipìkan' i Elama, Izay fototry ny heriny. **36** Ary hitondra Avotra efatra avy amin' ny lafiny efatry ny lanitra Aho hamelezana an' i Elama, ary haeliko ho amin' izany rivotra rehetra izany izy, ka tsy hisy firenena izay tsy halehan' ny voaroaka avy any Elama. **37** Fa hampivadi-po an' i Elama eo anoloan' ny fahavalony sy eo anoloan' izay mitady ny ainy Aho ka hahatonga loza aminy, dia ny firehetan' ny fahatezerako, hoy Jehovah; Ary hampanenjehiko azy ny sabatra Mandra-pandaniko azy; **38** Dia hapetrako ao Elasma ny seza fiandrianako. Ary hofongorako tsy hisy intsony any na ny mpanjaka na ny mpanapaka, hoy Jehovah. **39** Nefa any am-parany dia mbola hampodiko avy amin' ny fahababoany ihany Elama, hoy Jehovah.

50 Izao no teny nampilazain' i Jehovah an' i Jeremia mpaminany ny amin' i Babylona dia ny tanin' ny Kaldeana. **2** Ambaraonareo, eny, torio any amin' ny firenena, ary manangàna faneva, torio, fa aza afenina, ataovy hoe: Afaka Babylona! Mangaihay Bela, raiki-tahotra Merodaka! Eny, mangaihay ny sampiny, Raiki-tahotra ny sarin-javatra! **3** Fa misy firenena avy any avaratra miakatra hamely azy ka hahatonga ny taniny ho lao tsy hisy mponina intsony; Fa na ny olona na ny biby dia samy handositra ka ho lasa avokoa. **4** Amin' izany andro izany sy amin' izany fotoana izany, hoy Jehovah, dia ho avy ny Zanak' Isirsely, dia izy mbamin' ny taranak' i Joda, eny, handeha izy sady hitomany eny am-pandehanana ka hitady an' i Jehovah Andriamaniny. **5** Hanontany ny lalana mankany Ziona izy sady hanatrika hankany ka hanao hoe: Avia, ka maneke ho an' i Jehovah amin' ny fanekena mandrakizay izay tsy hohadinoina. **6** Ondry very ny oloko, fa ny mpiandry azy nampirenireny azy, eny, nampirenireny azy teny an-tendrombohitra izy; Nirenireny teny an-tendrombohitra sy teny an-kavoana ireny. Ka hadinony ny tany fandriany. **7** Izay rehetra nahita azy dia nandringana azy, ary ny fahavalony nanao hoe: Tsy manan-keloka izahay, satria izy efa nanota tamin' i Jehovah, fonenan' ny fahamarinana, dia Jedovah, fanantenan' ny razany. **8** Mandosira hila an' i Babylona, eny, mialà amin' ny tanin' ny Kaldeana, ary aoka ianareo ho tahaka ny anankiray izay tari-dalan' ny ondry aman' osy andiany. **9** Fa, indro, Izaho hamporisika sy hampiakatra firenena lehibe manao andiany avy any avaratra hamely an' i Babylona; Ary hilahatra hamely azy ireo, ka avy ao no hanafahany azy; Ny zana-tsipìkany ho tahaka ny lehilahy mahery sady mahay, izay tsy miverina foana. **10** Ary Kaldea ho voababo; Izay rehetra mamabo azy dia ho afa-po, hoy Jehovah. **11** Satria, mifaly sy miravoravo ianareo, ry mpamabo ny lovako, eny, mifalihavanja toy ny ombivavy kely mively vary ianareo sady maneno toy ny soavaly matanjaka; **12** Dia ho menatra indrindra ny reninareo, hangaihay ilay niteraka anareo; Indro, ny faran' ny firenena, efitra sy tany karankaina ary tani-hay! **13** Noho ny fahatezeran' i Jehovah dia tsy honenana Babylona. Fa ho tonga tany lao avokoa; Izay rehetra mandalo azy dia ho gaga ka hisitrisitra noho ny loza rehetra namelezana azy. **14** Milahara manodidina hamely an' i Babylona, ianareo rehetra izay manenjana tsipìka; Asio izy, fa aza tsitsina ny zana-tsipìka, fa tamin' i Jehovah no nanotany. **15** Akoray manodidina izy! Fa efa nikoy; Nirodana ny bateriny, rava ny mandany; Fa famalian' i Jehovah izany. Valio izy, eny, toy ny efa nataony no mba ataovinareo aminy kosa. **16** Aringano tsy ho any Babylona ny mpamafy sy izay mitana fijinjana amin' ny fararano; Fa noho ny sabatra mandoza dia samy hihodina ho any amin' ny fireneny avy izy, ary samy handositra ho any amin' ny taniny avy. **17** Ondry iray voavily ny Isiraely, Liona no nanenjika azy; Voalohany dia ny mpanjakan' i Asyria no nandany azy. Ary farany dia ity Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, ity no nanapatapaka ny taolany. **18** Koa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Indro, hovaliko ny mpanjakan' i Babylona sy ny taniny toy ny efa namaliako ny mpanjakan' i Asyria. **19** Ary hampodiko ho any amin' ny saha fiandrasana azy indray ny Isiraely, ka hihinana ao Karmela sy Basana izy; Ary any an-tany havoan' i Daima sy Gileada no hahavoky azy. **20** Amin' izany andro izany sy amin' izany fotoana izany, hoy Jehovah, dia hotadiavina izay heloky ny Isiraely, fa tsy hisy; Ary izay fahotan' ny Joda, fa tsy ho hita; Satria havelako ny helok' izay sisa narovako. **21** Iakaro Ibefikomiana sy ny mponina ao Arapamaliana; Ravao sy aringano manarakaraka azy, hoy Jehovah, ary manaova araka izay rehetra nandidiako anao. **22** Misy tabataban' ady amin' ny tany sy fandringanana be. **23** Indrisy! tapaka sy torotoro ilay fampohazan' ny tany rehetra; Indrisy! Babylona efa tonga figagana any amin' ny firenena. **24** Nofandrihako ianao, ry Babylona, ka voa, nefa tsy fantatrao akory; Hita ka voasambotra koa ianao, Satria nila ady tamin' i Jehovah. **25** Novohan' i Jehovah ny firaketany. Ka navoakany ny fitaovan' ny fahatezerany; Fa misy hataon' i Jehovah, Tompon' ny maro, any amin' ny tanin' ny Kaldeana. **26** Avia avokoa ianareo rehetra hamely azy; Vohay ny trano fitoeran-kanina, atobitobio toy ny antontan-bary, ka levony avokoa izay ao; Fa aza avela hisy sisa ho azy. **27** Vonoy ireo ombilahy rehetra, ary aoka hidina ho any amin' ny famonoana izy. Mahita loza izy, fa tonga ny androny, dia ny fotoana hamaliana azy. **28** Injany! misy feon' izay mandositra sy izay afaka avy any amin' ny tany Babylona, hanambara ny famalian' i Jehovah Andriamanitsika ao Ziona, dia ny famaliana noho ny tempoliny. **29** Antsoy ny mpandefa zana-tsipìka hamely an' i Babylona. Dia ny mpanenjana tsipìka rehetra; Mitobia manodidina hamely azy; Aoka tsy hisy ho afaka izy; Valio araka ny asany izy, eny, araka ny asa rehetra nataony, no mba ataovy aminy kosa; Fa niavonavona tamin' i Jehovah izy, dia tamin' ny Iray Masin' ny Isiraely. **30** Koa hiampatrampatra eny an-kalalahana ny zatovony, ary ho ringana ny miaramilany rehetra amin' izany andro izany, hoy Jehovah. **31** Indro, hiatrika aminao Aho, ry Ifiavonavonana, hoy Jehovah, Tompon' ny maro; Fa tonga ny andronao, dia ny fotoana hamaliako anao. **32** Ho tafintohina Ifiavonavonana, dia ho

lavo, ka tsy hisy hanarina azy; Ary handrehitra afo ao antanànany Aho, ka handevona ny manodidina azy rehetra izany. **33** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Niara-nampahorina ny Zanak' Isiraely sy ny taranak' i Joda; Ary izay rehetra namabo azy dia mihazona azy mafy ka tsy mety mandefa azy. **34** Mahery ny Mpanavotra azy, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany; Handahatra ny adiny tokoa Izy, mba hampiadana ny tany sy hampangovitra ny mponina any Babylona kosa. **35** Indro! hisy sabatra hamely ny Kaldeana mbamin' ny mponina any Babylona sy ny mpanapaka azy sy ny olon-kendriny, hoe Jehovah. **36** Indro! hisy sabatra hamely ny mpibedibedy, ka ho very saina izy; Indro! hisy sabatra hamely ny lehilahy maheriny, ka hivadi-po izy. **37** Indro! hisy sabatra hamely ny soavaliny sy ny kalesiny mbamin' ny olona samy hafa firenena rehetra ao aminy, ka ho tonga toy ny vehivavy ireny! Indro! Hisy sabatra hamely ny firaketany, ka horobaina izany. **38** Ny fihantonan' ny andro no mahatankina ny ranony; Fa tany be sarin-javatra voasokitra izy, ary ny sampiny mahatahotra mahadala azy. **39** Koa ny bibi-dia any an-efitra sy ny kary sy ny ostritsa no honina ao; Tsy honenana intsony mandrakizay izy ary tsy hitoerana hatramin' ny taranaka fara-mandimby. **40** Toy ny nandravan' Andriamanitra an' i Sodoma sy Gomora mbamin' ny tanàna eny akaikiny, hoy Jehovah, no tsy hisian' olona honina any na zanak' olombelona hivahiny any. **41** Indro, misy firenena avy any avaratra, dia firenena lehibe sy mpanjaka maro no mitsangana avy any amin' ny faran' ny tany. **42** Tsipika sy lefona no entiny; Lozabe sy tsy mamindra fo izy, ny feony dia mirohondrohona toy ny ranomasina, sady mitaingintsoavaly izy ary voaomana tahaka ny lehilahy ho amin' ny ady, hamely anao, ry Babylona zanakavavy. **43** Efa ren' ny mpanjakan' i Babylona ny lazany, ka miraviravy tànany izy; Fahoriana no mahazo azy, eny, fanaintainana tahaka ny vehivavy raha miteraka. **44** Indro, toy ny fiakatry ny liona avy ao amin' ny kirihitrala eny amoron' i Jordana no hiakarany ho any amin' ny misy ahitra mateza; Nefa hampandosiriko tampoka hiala ao aminy izy, ary izay olona anankiray voafidy no hotendreko hanapaka azy; Fa iza no tahaka Ahy, ary iza no hifandahatra amiko? Ary iza moa no mpiandry ondry mahajanona eo anatrehako? **45** Koa henoy ny saina avy amin' i Jehovah, izay nosaininy hamelezana an' i Babylona, sy ny heviny izay noheveriny hamelezana ny tanin' ny Kaldeana: Hoviraviraina tokoa ireny, dia ny kely indrindra amin' ny ondry; Ho gaga azy tokoa ny saha fiandrasana azy. **46** Noho ny antsoantso hoe: "Efa afaka Babylona", dia mihorohoro ny tany, ary ny fitarainana dia re any amin' ny firenena.

51 Izao no lazain' i Jehovah: Indro, hamporisihiko ny fanahin' ny mpandringana hamely an' i Babylona sy izay monina ao Leba-kamay. **2** Ary haniraka olona hafa firenena ho any Babylona Aho, izay hikororoka azy ka hahafoana ny taniny; Fa hamely azy manodidina amin' ny andro fahoriana ireo. **3** Izay manenjana tsipìka mbamin' izay miandranandrana amin' ny akanjo fiarovan-tenany, dia aoka samy hasian' izay manenjana tsipìka; Aza tsitsinareo ny zatovony, aringano avokoa ny miaramilany rehetra, **4** Mba hiampatrampatra any amin' ny tanin' ny Kaldeana ny faty, ary izay voatrobaka dia hiampatrampatra any andalambeny. **5** Fa Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely sy ny Joda, dia tsy hahafoy azy ho mpitondratena, na dia henika ny fahotany amin' ny Iray Masin' ny Isiraely aza ny taniny. **6** Mandosira hiala an' i Babylona ianareo, ary samia mamonjy ny ainareo avy; Aoka tsy ho voaringana noho ny fahotany ianareo; Fa izao no andro famalian' i Jehovah, Izy no hamaly azy. **7** Babylona dia kapoaka volamena teny an-tànan' i Jehovah, Izay nahamamo ny tany rehetra; Ny divainy efa nisotroan' ny firenena, koa izany no nahavery saina ireny. **8** Tampoka no naharavan' i Babylona sy nahatorotoroany; Idradradradrao izy; Makà balsama hatao amin' ny feriny maharary azy, fa angamba ho sitrana ihany izy. **9** Nitady hanasitrana an' i Babylona izahay, nefa tsy nety sitrana izy; Afoizo izy, ka andeha isika samy handeha ho any amin' ny tanintsika avy; Fa mahatakatra ny lanitra ny helony ary mitehika amin' ny rahona. **10** Nasehon' i Jehovah ny fahamarinantsika; Andeha, ka aoka hotorintsika ao Ziona ny asan' i Jehovah Andriamanitsika. **11** Lambolamboy ny zana-tsipìka, tano ny ampinga; Jehovah efa namporisika ny fanahin' ny mpanjakan' ny Mediana; Fa ny hamely an' i Babylona no nosaininy, mba handringanana azy; Fa famalian' i Jehovah izany, eny, famaliana noho ny tempoliny. **12** Manangàna faneva eo akaikin' ny mandan' i Babylona; Ataovy mafy ny fiambenana; Alatsaho ny mpiambina, alamino ny Otrika; Fa Jehovah sady efa nisaina no nahatanteraka izay nolazainy ny amin' ny mponina any Babylona. **13** Hianao izay monina eny amoron' ny rano be sady be rakitra, tonga ny fiafaranao, ka tsy hisy intsony ny filanao harena. **14** Jehovah, Tompon' ny maro, nianiana tamin' ny tenany hoe: Hofenoiko olona maro toy ny valala tokoa ianao, ary ireny dia hanakora hamely anao, **15** Dia Ilay nanao ny tany tamin' ny heriny sy nampiorina izao tontolo izao tamin' ny fahendreny ary namelatra ny lanitra tamin' ny fisainany. **16** Raha nampirohondrohona ny rano any an-danitra Izy, dia nampiakatra zavona avy tany amin' ny faran' ny tany; Manao ny helatra ho an' ny rananorana Izy sady mamoaka ny rivotra avy amin' ny firaketany. **17** Efa ketrina avokoa ny olona rehetra ka tsy manam-pahalalana; Menarina ny mpanefy volamena rehetra noho ny amin' ny sarin-javatra voasokitra; Fa fitaka ny sarin-javatra an-idina, satria tsy misy aina ao aminy. **18** Zava-poana ireny, dia asa mahatsikaiky foana; Amin' ny andro hamaliana azy dia ho levona izy. **19** Tsy mba tahaka ireo ny Anjaran' i Jakoba, fa Mpamorona ny zavatra rehetra Izy; Ary ny Isiraely no firenena lovany; Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany. **20** Langilangiko sy fiadiako ianao; Fa ianao no ho entiko manorotoro firenena, ary ianao no ho entiko mandringana fanjakana, **21** Ary ianao no ho entiko manorotoro soavaly sy ny mpitaingina azy, ary ianao no ho entiko manorotoro ny kalesy sy ny mpitaingina azy; **22** Hianao koa no ho entiko manorotoro ny lehilahy sy ny vehivavy, ary ianao no ho entiko manorotoro ny antitra sy ny tanora, ary ianao no ho entiko manorotoro ny zatovo sy ny virijina; **23** Hianao koa no ho entiko manorotoro ny

mpiandry ondry sy ny ondry andiany, ary ianao no ho entiko manorotoro ny mpiasa tany sy ny ombiny roa mizioga, ary ianao no ho entiko manorotoro ny governora sy ny lefiny. **24** Ary hampanodiaviko an' i Babylona sy ny mponina rehetra any Kaldea ny ratsy rehetra izay efa nataony tao Ziona teo imasonareo, hoy Jehovah. **25** Indro mamely anao Aho, ry tendrombohitra ahitan-doza. Izay mandringana ny tany rehetra, hoy Jehovah; Ary hahinjitro ny tanako hamelezana anao, dia hakodiako hianjera amin' ny harambato ianao ka hataoko tendrombohitra mirehitra. **26** Ary tsy mba hakana vato hatao fehizoro ianao, na hatao vato fanorenana; Fa ho lao mandrakizay ianao, hoy Jehovah. **27** Manangana faneva eny amin' ny tany; Mitsofa anjomara any amin' ny firenena; Manendre firenena hamely azy; Antsoy ny fanjakan' i Ararata sy Miny ary Askenaza hamely azy; Asio mpifehy hamely azy; Mampiakara soavaly toy ny valala volovoloina. **28** Manendre firenena sy ireo mpanjakan' ny Mediana hamely azy, ny governora sy ny lefiny rehetra ary ny tany rehetra anjakany. **29** Mihorohoro sy mangovitra ny tany; Fa tanterahina amin' i Babylona ny fikasan' i Jehovah rehetra, mba hahatonga ny tany Babylona ho lao tsy misy mponina. **30** Nitsahatra tamin' ny ady ny lehilahy maherin' i Babylona, nitoetra tao amin' ny batery fiarovana izy, lany ny heriny; Tonga toy ny vehivavy izy; Nodorana ny fonenany, tapaka ny hidiny. **31** Mifamoivoy be ihany ny iraka mpihazakazaka, ary mifamoivoy be ihany ny mpitondra teny, mba hanambara amin' ny mpanjakan' i Babylona Fa afaka ny tanànany manontolo. **32** Ary efa azo ny fitàna, ary nodorany tamin' ny afo ny heniheny, sady toran-kovitra ny miaramila. **33** Fa izao no lazain i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Babylona zanakavavy dia tahaka ny famoloana amin' ny andro anosena azy; Ary raha mbola tsy toy inona dia ho avy ny andro hijinjana azy. **34** Efa lanin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, izahay; Naringany izahay; Napetrany toy ny vata tsy misy entana izahay; Nateliny toy ny fitelin' ny mamba izahay; Nivokisan' ny kibony ny zava-piko, ka dia nandroaka ahy izy. **35** Aoka ny mponina ao Ziona hanao hoe: Hanody an' i Babylona anie ny loza nanjo ahy sy ny nofoko! Ary aoka Jerosalema hanao hoe: Hanody ny mponina any Kaldea anie ny rako! **36** Koa izao no lazain' i Jehovah: Indro, hisolo vava anao amin' ny adinao Aho sady hanao famaliana ho anao, ary horitiko ny ranomasiny, sy hataoko tankina ny loharanony. **37** Ary Babylona ho tonga korontam-bato, ho fonenan' ny amboadia, ho figagana sy ho zavatra mampisitrisitra, ka tsy hisy mponina. **38** Hiara-mierona toy ny liona tanora izy; Hikaonkaona toy ny zana-diona izy. **39** Raha mbola liana izy, dia hanaovako fanasana ho azy, ka hataoko mamo izy mba hiravoravo, dia hatory amin' ny torimaso mandrakizay izy ka tsy hifoha intsony, hoy Jehovah. **40** Hampidiniko ho any amin' ny famonoana toy ny zanak' ondry izy, sy toy ny ondrilahy mbamin' ny osilahy. **41** Endrey! afaka Sesaka! Ary azo ilay fidèran' ny tany rehetra, Endrey! tonga figagana any amin' ny firenena Babylona. **42** Ny ranomasina nanafotra an' i Babylona; Voasaron' ny habetsahan' ny onjany izy. **43** Ny tanànany dia lao sy karankaina ary tani-hay, dia tany tsy onenan' olona sady tsy misy zanak' olombelona mamaky eo. **44** Ary Bela dia hampijaliko any Babylona, ka hasaiko haloany izay nateliny; Ary ny firenena tsy hitanjozotra hankany aminy intsony; Ny mandan' i Babylona dia hirodana. **45** Mivoaha avy ao afovoany ianareo, ry oloko, ary samia mamonjy ny ainareo avy ianareo, mba tsy ho azon' ny firehetan' ny fahatezeran' i Jehovah. **46** Ary fandrao ketraka ny fonareo, ka matahotra ianareo noho ny tsaho miely amin' ny tany; Fa amin' ny iray taona dia hisy tsaho, ary amin' ny taona manaraka indray dia mbola hisy tsaho ihany koa sy loza amin' ny tany, dia mpanapaka mamely mpanapaka. **47** koa, indro, avy ny andro hamaliako ny sarin-javatr' i Babylona; Ho menatra ny taniny rehetra; Ary ny fatiny rehetra dia hiampatrampatra eo aminy. **48** Ny lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao aminy dia hihoby noho ny amin' i Babylona, satria tonga ao aminy avy any avaratra ireo mpandringana, hoy Jehovah. **49** Toy ny nampiampatramparan' i Babylona ny faty tamin' ny Isiraely, dia ho toy izany no hiampatramparan' ny faty amin' ny tany rehetra noho ny amin' i Babylona. **50** Hianareo izay tsy voan' ny sabatra, mialà, fa aza mijanona; Tsarovy Jehovah, raha mbola lavitra ianareo. Ary aoka ho mby an-tsainareo Jerosalema. **51** Menatra izahay, fa efa nandre latsa; Manarona ny atrehinay ny henatra; Fa ny hafa firenena no niditra teo amin' ny fitoerana masìna amin' ny tranon' i Jehovah. **52** Koa, indro, avy ny andro, hoy Jehovah, izay hamaliako ny sarin-javatra voasokitra ao koa; Ary hitoloko eran' ny taniny rehetra ny voatrobaka. **53** Na dia miakatra any an-danitra aza Babylona, ary na dia ataony mafy aza ny fitoerana avo izay heriny, dia avy amiko no hihavian' ny mpandringana azy, hoy Jehovah; **54** Injany! misy feo mitaraina avy any Babylona sy fandringanana be avy any amin' ny tanin' ny Kaldeana! **55** Fa Jehovah no mandrava an' i Babylona sy mampitsahatra ny fihorakorahana eo aminy, ary hirohondrohona toy ny rano be ny onjany, eny, re tokoa ny feon' ny firohondrohony. **56** Fa tonga ao aminy, dia ao Babylona, ny mpandringana, ary voasambotra ny lehilahy maheriny; Tapatapaka avokoa ny tsipìkany Satria Jehovah dia Andriamanitry ny famaliana ka hamaly tokoa. **57** Ary hataoko mamo ny mpanapaka azy sy ny olon-kendriny, ny governorany sy ny lefiny ary ny olo-maheriny; Ary hatory amin' ny torimaso mandrakizay izy ka tsy hifoha intsony, hoy ny Mpanjaka, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany. **58** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Ny manda malalaka any Babylona dia horavana tokoa hatramin' ny fanorenany, ary ny vavahadiny avo hodorana amin' ny afo. Ka dia ho nisasatra foana ny firenena, ary ny olona ho nisasatra ho an' ny afo ka ho reraka. **59** Ny teny izay nandidian' i Jeremia mpaminany an' i Seraia, zanak' i Neria, zanak' i Mahaseia, fony izy nandeha niaraka tamin' i Zedekia, mpanjakan' ny Joda, ho any Babylona tamin' ny taona fahefatra nanjakany. Fa Seraia no lehiben' ny mpanorin-dasy. **60** Ary nosoratan' i Jeremia teo amin' ny boky iray ny loza rehetra izay hanjo an' i Babylona, dia ireo teny rehetra ireo, izay voasoratra ny amin' i Babylona. **61** Ary hoy Jeremia tamin' i Seraia: Rehefa tonga any Babylona ianao, dia tandremo tsara mba hovakinao ireo teny rehetra ireo, **62** ka manaova hoe: Jehovah ô, Hianao

no niteny hamely ity tany ity handringana azy, ka tsy hisy hitoetra eto, na olona na biby, fa ho tany lao mandrakizay izy. **63** Ary rehefa tapitra ny famakianao ity boky ity, dia asio vato afehy aminy, ary atsipazo ao Eofrata izy. **64** ka ataovy hoe: Toy izao no hilentehan' i Babylona ka tsy hifongarany intsony noho ny loza hataoko mihatra aminy, ka dia ho reraka izy. Hatreto no tenin' i Jeremia.

52 Iraika amby roa-polo taona Zedekia, fony izy vao nanjaka, ary iraika ambin' ny folo taona no nanjakany tany Jerosalema; ary ny anaran-dreniny dia Hamotala, zanakavavin' i Jeremia avy any Libna. **2** Ary nanao izay ratsy eo imason' i Jehovah izy, araka izay rehetra nataon' i Joiakima. **3** Fa ny fahatezeran' i Jehovah no nahatongavan' izany tamin' i Jerosalema sy ny Joda ambara-pandroakany azy tsy ho eo anatrehany. Ary Zedekia niodina tamin' ny mpanjakan' i Babylona. **4** Ary tamin' ny andro fahafolo tamin' ny volana fahafolo tamin' ny taona fahasivy nanjakan' i Zedekia, dia tonga Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, sy ny miaramilany rehetra, hamely an' i Jerosalema, ka nitoby tandrifiny sady nanao tilikambo manodidina azy izy. **5** Ary ny tanàna dia nataony fahirano hatramin' ny fahiraika ambin' ny folo taona nanjakan' i Zedekia mpanjaka. **6** Ary tamin' ny andro fahasivy tamin' ny volana fahefatra dia mafy ny mosary tao an-tanàna, fa tsy nisy hanina ho an' ny olona tompon-tany. **7** Ary nisy voabanga ny tanàna, dia nandositra alina ny miaramila rehetra ka niala tao an-tanàna tamin' ny lalana mankamin' ny vavahady tanelanelan' ny manda roa, izay eo anilan' ny sahan' ny mpanjaka (fa ny Kaldeana nanodidina ny tanàna), ka nandeha tamin' ny lalana mankeny amin' ny tani-hay. **8** Ary ny miaramilan' ny Kaldeana nanenjika ny mpanjaka ka nahatratra an' i Zedekia teny amin' ny tani-hay any Jeriko; dia nipariaka nandao azy ny miaramilany rehetra. **9** Ary voasambotra ny mpanjaka ka nentiny niakatra ho any amin' ny mpanjakan' i Babylona tao Ribla any amin' ny tany Hamata, ka dia notsaraina tao izy. **10** Ary ny mpanjakan' i Babylona namono ny zanakalahin' i Zedekia teo imason-drainy; ary ny mpanapaka ny Joda rehetra koa dia novonoiny tao Ribla. **11** Ary nopotsiriny ny mason' i Zedekia, dia nafatotry ny mpanjakan' i Babylona tamin' ny gadra varahina izy ka nentiny nankany Babylona ary nataony tao an-trano-maizina mandra-pahafatiny. **12** Ary tamin' ny andro fahafolo tamin' ny volana fahadimy tamin' ny taona fahasivy ambin' ny folo nanjakan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, dia tonga tany Jerosalema Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, mpanompon' ny mpanjakan' i Babylona, **13** ka nandoro ny tranon' i Jehovah sy ny tranon' ny mpanjaka mbamin' ny trano rehetra tany Jerosalema: ny trano lehibe rehetra dia nodorany tamin' ny afo avokoa. **14** Ary ny manda rehetra manodidina an' i Jerosalema dia noravan' ny miaramilan' ny Kaldeana rehetra, izay nanaraka ny lehiben' ny mpiambina. **15** Ary ny sasany tamin' ny olona malahelo mbamin' ny olona sisa tao an-tanàna sy izay efa nandositra nanatona ny mpanjakan' i Babylona mbamin' ny vahoaka maro be sisa dia nentin' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, ho babo avokoa. **16** Nefa ny olona malahelo dia namelan' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, ihany mba ho mpamboatra tanim-boaloboka sy ho mpiasa tany. **17** Ary ireo andry varahina teo amin' ny tranon' i Jehovah sy ny fitoeran-tavin-drano sy ny tavin-drano varahina lehibe, izay teo amin' ny tranon' i Jehovah, dia novakivakin' ny Kaldeana, ka nentiny ho any Babylona ny varahina rehetra. **18** Ary nentiny koa ny vilany fandraofan-davenona sy ny sotron' afo sy ny antsy sy ny lovia famafazana sy ny lovia kely mbamin' ny fanaka varahina rehetra izay nentinanao fanompoam-pivavahana. **19** Ary nentin' ny lehiben' ny mpiambina koa ny lovia sy ny fitoeran-davenon-jiro sy ny lovia famafazana sy ny fandraofan-davenona sy ny fanaovan-jiro sy ny lovia kely sy ny kapoaka na ny volamena na ny volafotsy dia samy nentin' ny lehiben' ny mpanapaka avokoa, **20** ary ny andry roa sy ny tavin-drano lehibe iray atỳ ny omby varahina roa ambin' ny folo, Izay teo ambanin' ny fitoeran-tavin-drano, izay nataon' i Solomona mpanjaka ho an' ny tranon' i Jehovah; ny varahina tamin' izany fanaka rehetra izany dia tsy hita lanja. **21** Fa ny andry, dia valo ambin' ny folo hakiho no hahavony, ary roa ambin' ny folo hakiho ny manodidina azy; ary ny hateviny dia voantondro efatra, fa poakaty izy. **22** Ary nisy kapitaly varahina teo aminy; dimy hakiho no hahavon' ny kapitaly anankiray, ka nisy harato sy ampongabendanitra manodidina ny kapitaly, samy varahina avokoa izy. Ny andry faharoa koa sy ny ampongabendanitra dia mba tahaka izany ihany koa. **23** Ary nisy ampongabendanitra enina amby sivi-folo teo ivelany; ary ny ampongabendanitra rehetra manodidina ny harato dia zato. **24** Ary ny lehiben' ny mpiambina nisambotra an' i Seraia mpisoronabe sy Zefania mpisorona manarakaraka ary mpiandry varavarana telo lahy; **25** ary tao an-tanàna no nisamborany ny tandapa anankiray, mpifehy ny miaramila, ary fito lahy tamin' izay mpitoetra eo anatrehan' ny mpanjaka, izay hita tao an-tanàna, ary ny mpanoratry ny komandin' ny miaramila, izay mpandamina ny ho miaramila, sy ny olona tompon-tany enim-polo lahy izay hita teo an-tanàna, **26** dia nosamborin' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, ireo ka nentiny ho any amin' ny mpanjakan' i Babylona tao Ribla. **27** Dia novonoin' ny mpanjakan' i Babylona tao Ribla any amin' ny tany Hamata ireo. Toy izany no nitondrana ny Joda ho babo niala tamin' ny taniny. **28** Izao no olona izay nentin' i Nebokadnezara ho babo tamin' ny taona fahafito, Jiosy telo amby roa-polo sy telo arivo; **29** tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folo nanjakan' i Nebokadnezara dia roa amby telo-polo amby valon-jato no olona nentiny ho babo avy tany Jerosalema; **30** tamin' ny taona fahatelo amby roa-polo nanjakan' i Nebokadnezara dia Jiosy dimy amby efa-polo amby fiton-jato no nentin' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, ho babo. Ny tontalin' izy rehetra dia enin-jato amby efatra arivo. **31** Ary tamin' ny andro fahadimy amby roa-polo tamin' ny volana faharoa ambin' ny folo tamin' ny taona fahafito amby telo-polo taorian' ny namaboana an' i Joiakina, mpanjakan' ny Joda, tamin' ny taona vao nanjakan' i Evila-merodaka, mpanjakan' i Babylona, dia nasandrany hiala tao an-trano-maizina Joiakina, mpanjakan' ny Joda. **32** Dia nitenenany soa izy,

ka ny seza fiandrianany dia nataony ambony noho ny seza fiandrianan' ireo mpanjaka namany tao Babylona. **33** Ka dia novan' i Joiakina ny fitafiany fony izy mbola tao an-trano-maizina; ary nihinan-kanina teo anatrehany mandrakariva izy tamin' ny andro niainany rehetra. **34** Ary ny hanina nohaniny dia hanina homena avy amin' ny mpanjakan' i Babylona, araka ny tokony ho anjarany isan' andro isan' andro tamin' ny andro rehetra niainany mandra-pahafatiny.

Fitomaniana

1 Indrisy, mitoetra manirery izao ilay tanàna feno olona! Efa tonga toy ny mpitondratena izy! Ilay nalaza tamin' ny firenena sy andriambavy tamin' ny tany samy hafa dia efa miankin-doha kosa izao! **2** Mitomany dia mitomany izy nony alina, ary ny ranomasony dia eny an-takolany; Izay rehetra tia azy dia tsy misy mampionona azy; Ny sakaizany rehetra efa nivadika taminy ka tonga fahavalony. **3** Lasan-ko babo ny Joda noho ny fahoriana sy ny haben' ny fanompoana; Mipetraka ao amin' ny jentilisa izy, nefa tsy mahita fitsaharana; Izay rehetra nanenjika azy dia nahatratra azy teo an-ketena. **4** Ireo lalana mankany Ziona dia mitomany, satria tsy misy miakatra ho amin' ny fotoam-pivavahana; Lao ny vavahadiny rehetra, misento ny mpisorony; Ory ny virijinany, ary Ziona dia efa azon' ny fahoriana mangidy. **5** Ny rafiny no mpanapaka, ny fahavalony no miadana, Satria Jehovah no efa nampahory azy noho ny hamaroan' ny fahotany; Ny zanany madinika dia lasan-ko babo eo anoloan' ny fahavalony, **6** Ary ny voninahitr' i Ziona zanakavavy rehetra dia efa tsy ananany intsony; Ny mpanapaka azy dia toy ny diera tsy mahita ahitra, Ary mandeha reraka eo anoloan' ny mpanenjika azy izy. **7** Tsaroan' i Jerosalema amin' ny andro fahoriany sy fanjenjenany ny zava-tsoa rehetra izay nananany hatry ny ela; Fa nony naripaky ny fahavalo ny olony, ka tsy nisy namonjy azy, dia nahita azy ny fahavalo ka nihomehy ny faharavany. **8** Efa nanota dia nanota Jerosalema, ka izany no nahatonga azy ho fahavetavetana; izay rehetra nanaja azy dia mamingavinga azy, satria efa nahita ny fitanjahany ireny; Eny, na ny tenany aza dia miferinaina sady miamboho. **9** Ny lotony dia teo amin' ny morontongotr' akanjony, tsy nitsapa farany izy; Dia mahagaga ny fietreny, tsy misy mampionona azy. Jehovah ô, jereo ny fahoriako, fa mirehareha ny fahavalo. **10** Ny fahavalo naninjitra ny tànany naka ny zava-tsoany rehetra; Fa ny jentilisa, izay noraranao tsy hiditra amin' ny fiangonanao, dia hitany tafiditra ao amin' ny fitoerany masìna. **11** Misento ny olony rehetra, mitady hanina; Eny, atakalony hanina ny zava-tsoany hamelombelona ny ainy; Jehovah ô, jereo ka diniho, fa vingavingaina aho. **12** Moa tsy mampaninona anareo va, ry mpandalo rehetra? Jereo sy izahao raha mba misy fahoriana toy ny fahoriako, izay namelezany ahy, dia ilay nampahorian' i Jehovah ahy tamin' ny andro firehetan' ny fahatezerany. **13** Avy tany amin' ny avo no nandatsahany afo ho amin' ny taolako handoroany azy; Namela-pandrika harato haningorana ny tongotro Izy ka nampihemotra ahy; Nampahalao sy nampahareraka ahy mandritra ny andro Izy. **14** Ny ziogan' ny fahotako nofehezin' ny tànany; Voaolana ireny ka tonga eo an-katoko; noketrahiny ny heriko; Natolotry ny Tompo ho eo an-tànan izay tsy leoko aho. **15** Nataon' ny Tompo tsinontsinona ny maheriko rehetra; Nanendry fotoana hamelezana ahy Izy, handringanana ny zatovoko; Ny Tompo nanosihosy an' i Joda zanakavavy virijina toy ny eo amin' ny famiazamboaloboka. **16** Izany zavatra izany no mampitomany ahy; e! ny masoko, ny masoko mamarin-dranomaso, fa lavitra ahy ny mpampionona izay tokony hamelombelona ny fanahiko; Ringana ny zanako, fa mahery ny fahavalo. **17** Ziona mananty tanana, nefa tsy misy mampionona azy; Jehovah nandidy ny amin' i Jakoba mba ho tonga fahavalony ny manodidina azy; Jerosalema dia tonga fahavetavetana eo afovoan' ireo. **18** Marina Jehovah, fa efa nandà ny teniny aho; Ry firenena rehetra, masìna ianareo, mba jereo ny fahoriako; Lasan-ko babo ny virijinako sy ny zatovoko. **19** Nantsoiko ireo tia ahy, fa nofitahiny aho; Ny mpisoroko sy ny loholoko niala aina tao an-tanana, Tamin' ny nitadiavany hanina hamelombelona ny ainy. **20** Izahao, Jehovah ô, fa azom-pahoriana aho, mandevilevy ny foko; Miontana ato anatiko ny foko, fa naditra dia naditra aho; Eny ivelany dia ny sabatra no mahafoana anaka, ary ao an-trano dia toa misy fahafatesana kosa. **21** Reny fa misento aho; tsy misy mampionona ahy; Ny fahavaloko rehetra nandre ny fahoriako, ka faly izy, satria Hianao no nanao izany; Hahatonga izay andro nantsoinao Hianao, ka dia ho tonga tahaka ahy koa ireo. **22** Aoka ho tonga eo anatrehanao ny faharatsiany rehetra, ary mba ataovy aminy kosa tahaka izay nataonao tamiko noho ny fahotako rehetra; Fa imbetsaka ny fisentoako, ka reraka ny foko.

2 Indrisy! Ziona zanakavavy dia saronan' ny Tompo rahona amin' ny fahatezerany; Nazerany avy tany andanitra ho amin' ny tany ny reharehan' ny Isiraely, Ary tsy tsaroany ny fitoeran-tongony tamin' ny andro fahatezerany! **2** Nolevonin' ny Tompo ny fonenan' i Jakoba rehetra, fa tsy niantrany; Noravany an-katezerana ny fiarovan' i Joda zanakavavy ka nazerany tamin' ny tany, tsy nohamasininy ny fanjakana sy ny mpanapaka, **3** Nokapainy tamin' ny fahatezerany mirehitra ny tandroky ny Isiraely rehetra; Nahemony teo anoloan' ny fahavalo ny tànany ankavanana; Ary nandoro an' i Jakoba Izy toy ny lelafo miredareda izay nandevona manodidina. **4** Nanenjana ny tsipìkany toy ny fahavalo Izy, nijoro naninjitra ny tànany ankavanana toy ny rafilahy Izy ka nandripaka izay rehetra mahafinaritra ny maso; Ny fahatezerany dia naidiny toy ny afo tamin' ny lain' i Ziona zanakavavy. **5** Ny Tompo dia tonga toy ny fahavalo ka nandevona ny Isiraely. Eny, nolevoniny ny lapany rehetra, sady noravany ny fiarovany; Ary nampitomboiny ny fisentoana sy ny fitarainan' i Joda zanakavavy. **6** Ary noravany an-keriny toy ny tanimboly ilay nofefena ho Azy, sady noravany ny trano fihaonany; Nataon' i Jehovah hadino tao Ziona ny fotoam-pivavahana sy ny Sabata, ka nolaviny tamin' ny fahatezerany mirehitra ny mpanjaka sy ny mpisorona. **7** Ny alitarany narian' ny Tompo, ny fitoerany masìna nolaviny; Natolony ho eo an-tànan' ny fahavalo ny mandan' ny lapa ao Ziona; Nanandratra ny feony tao an-tranon' i Jehovah toy ny amin' ny fotoam-pivavahana ireny. **8** Jehovah ninia handrava ny mandan' i Ziona zanakavavy; Nanenjana ny famolaina Izy ka tsy namonkina ny tanany tsy handrava; dia mampitomany ny fiarovany ivelany sy ny manda Izy, ka miara-dreraka ireo. **9** Ny vavahadiny dia tototry ny tany, nosimbany sy notapatapahiny ny hidiny; Ny mpanjakany sy ny mpanapaka

azy efa mby any amin' ny firenena; Tsy misy lalàna intsony, fa na ny mpaminaniny aza dia tsy mahita fahitana avy amin' i Jehovah. **10** Mipetraka amin' ny tany ny loholon' i Ziona zanakavavy ka mangìna; Nasiany vovoka ny lohany, misikìna lamba fisaonana izy; Ny virijina any Jerosalema nampitanondrika ny lohany ho amin' ny tany. **11** Pahina ny masoko azon' ny ranomaso, mandevilevy ny foko; Naidina tamin' ny tany ny atiko noho ny fandringanana ny oloko zanakavavy, sy noho ny ankizy madinika sy ny zaza minono izay ana eny an-kalalahana ao an-tanàna. **12** Raha ana toy ny voatrobaka eny an-kalalahana ao an-tanana izy, na miala aina eo am-pofoan-dreniny, dia manontany an-dreniny hoe izy: aiza izay vary sy divay? **13** Inona no hataoko vavolombelona ho anao? Inona no hanoharako anao, ry Jerosalema zanakavavy? Inona no hampitahaiko aminao mba hampiononako anao, ry Ziona zanakavavy virijina? Fa lehibe toy ny ranomasina ny faharatranao, iza no mahasitrana anao? **14** Ny mpaminaninao nahita lainga sy fahadalana ho anao; Ary tsy nampiseho ny helokao mba hiaro anao tsy ho babo; Fa nahita faminaniana lainga sy fampiviliana ho anao izy. **15** Miteha-tanana anao izay rehetra mandalo eny an-dalana; Misitrisitra sy mihifikifi-doha amin' i Jerosalema zanakavavy izy ka manao hoe: Ity va ilay tanàna nataony hoe Tena fahatsaran-tarehy Fifalian' ny tany rehetra? **16** Misanasana vava aminao ny fahavalonao rehetra; Misitrisitra sy mihidy vazana izy ka manao hoe: Efa nolevoninay! Ity tokoa no andro nandrasanay ka efa azonay sady hitanay. **17** Jehovah efa nanao izay nosaininy ka nahatanteraka ny teniny izay nandidiany hatramin' ny andro fahagola; Nandrava Izy, fa tsy niantra; Ary nampifaly ny fahavalo taminao Izy sady nanandratra ny tandroky ny rafilahinao. **18** Ny fonao mitaraina amin' ny Tompo: Ry mandan' i Ziona zanakavavy! mandrotsaha ranomaso andro aman' alina toy ny riaka; Aza mangìna, aoka tsy hitsahatra ny anakandriamasonao. **19** Mitsangàna, miantsoantsoa amin' ny alina hatramin' ny filatsahan' ny fiambenana, Aidino tahaka ny rano eo anatrehan' ny Tompo ny fonao! Asandrato aminy ny tananao hifona ho an' ny ain' ny zanakao madinika, izay anan' ny hanoanana eny an-joron-dalambe rehetra eny. **20** Jehovah ô, jereo ka izahao ny amin' ny olona izay nanaovanao izany. Ny vehivavy va hihinana ny ateraky na kibony, dia ny zanany madinika trotroiny? Hovonoina ao amin' ny fitoera-masin' i Jehovah va ny mpisorona sy ny mpaminany? **21** Miampatrampatra eny an-dalambe ny tanora sy ny antitra; Ny virijinako sy ny zatovoko dia lavon' ny sabatra, Novonoinao tamin' ny andro fahatezeranao izy, eny, naripakao, fa tsy niantranao. **22** Nantsoinao ny fampangorohoroana manodidina ahy, toy ny amin' ny fotoam-pivavahana, ka dia tsy nisy sisa afa-nandositra tamin' ny andro fahatezeran' i Jehovah; Izay notrotroiko sy notezaiko aza dia lanin' ny fahavaloko.

3 Izaho ilay lehilahy nahita fahoriana tamin' ny tsorakazon' ny fahatezerany. **2** Izaho no notarihiny sy nampandehaniny ho amin' ny maizina, fa tsy ho amin' ny mazava. **3** Izaho ihany no asian' ny tànany mandritra ny andro mandrakariva. **4** Nataony antitra ny nofoko sy ny hoditro, notapatapahiny ny taolako. **5** Manorina izay hamelezany ahy Izy ary manemitra ahy amin' ny zava-mangidy sy ny fahoriana. **6** Ampitoeriny ao amin' ny maizina toy izay efa maty fahagola aho. **7** Nofefeny manodidina aho ka tsy afa-nivoaka, nataony mavesatra ny gadrako. **8** Ary na dia mitaraina sy minananana aza aho, dia tampenany ny fivavako. **9** Vato voapaika no narafiny natampiny ny lalako, naolikoliny ny alehako. **10** Tonga bera manotrika ahy Izy, ary toy ny liona ao amin' ny fierena; **11** Namily ny alehako Izy, ary noviravirainy aho ka nataony mahatsiravina. **12** Nanenjana ny tsipìkany Izy ka nanangana ahy ho toy ny marika hokendrena zana-tsipìka. **13** Nampitsatoka ny zana-tsipìkany tamin' ny voako Izy. **14** Tonga fihomehezan' ny fireneko rehetra aho sady ataony an-kira mandritra ny andro. **15** Novokisany zava-mangidy aho ary nobobohany zava-mahafaty. **16** Ary notorotoroiny tamin' ny sila-bato ny nifiko, sady natsinkasinkasiny tamin' ny lavenona aho. **17** Ary noroahinao tsy hahita fiadanana ny fanahiko, ka efa hadinoko ny tsara. **18** Dia hoy izaho: Levona ny faharetako sy ny fanantenako an' i Jehovah. **19** Tsarovy ny fahoriako sy ny fanjenjenako, dia ny zava-mahafaty sy ny rano mangidy. **20** Tsaroan' ny fanahiko indrindra izany, ka mitanondrika ato anatiko izy. **21** Izany no ho eritreretiko ato am-poko, ka dia hanantena aho. **22** Ny famindram-pon' i Jehovah no tsy nahalany ritra antsika, fa tsy mitsahatra ny fiantrany. **23** Vaovao isa-maraina izany; lehibe ny fahamarinanao. **24** Jehovah no anjarako, hoy ny fanahiko, ka dia hanantena Azy aho. **25** Tsara Jehovah amin' izay manantena Azy, dia amin' ny olona izay mitady Azy. **26** Tsara ny miandry ny famonjen' i Jehovah amin' ny fanginana. **27** Tsara amin' ny olona ny mitondra zioga, raha mbola tanora izy. **28** Aoka hanjokaiky irery izy ka hangina, raha ampitondraina izany. **29** Aoka hanohoka ny vavany eo amin' ny vovoka izy, angamba hisy hantenaina. **30** Aoka hanolotra ny takolany ho amin' izay mamely azy izy ka ho feno latsa. **31** Fa tsy hanary mandrakizay ny Tompo; **32** Eny fa na dia mampahory aza Izy, dia mbola hiantra ihany araka ny haben' ny famindram-pony. **33** Fa tsy sitrany ny mampahory na mampalahelo ny zanak' olombelona. **34** Ny fanitsakitsahana ny mpifatotra rehetra ambonin' ny tany ho eo ambanin' ny tongotra, **35** Ny familiana ny rariny amin' ny olona eo anatrehan' ny Avo Indrindra, **36** Ny famadihana ny adin' ny olona, dia samy tsy sitraky ny Tompo. **37** Iza moa no miteny, ka dia mahatonga izany, raha tsy zavatra efa nodidian' ny Tompo? **38** Tsy avy amin' ny vavan' ny Avo Indrindra va no ivoahan' ny soa sy ny loza? **39** Koa ahoana no imonomononan' ny olona mbola velona, fa no tsy aleo misento noho ny amin' ny fahotany avy? **40** Aoka isika handinika sy hamantatra ny alehantsika ka hiverina indray amin' i Jehovah. **41** Aoka hasandratsika amin' Andriamanitra any an-danitra ny fontsika sy ny tanantsika. **42** Izahay efa nanota sy nanao ditra, ary Hianao kosa tsy namela heloka. **43** Nisarona fahatezerana Hianao ka nanenjika anay; eny, novonoinao izahay, fa tsy niantranao. **44** Nisarona rahona Hianao, ka dia voasakana ny vavaka. **45** Nataonao tahaka ny fakofako sy ny zavatra nariana teo afovoan' ny firenena izahay. **46** Ny fahavalonay rehetra

misanasana vava aminay. **47** Mahavoa anay ny tahotra sy ny lavaka ary ny fandringanana sy ny fahatorotoroana. **48** Rano mandriaka no mijononoka amin' ny masoko noho ny faharatran' ny oloko zanakavavy. **49** Ny masoko mandrotsa-dranomaso ka tsy mijanona, eny, tsy misy fiatoana, **50** Ambara-pitazan' i Jehovah ka ho tsinjony any an-danitra. **51** Ny masoko mampiditra fahoriana ho an' ny fanahiko noho ny amin' ny zanakavavin' ny tanànako rehetra. **52** Izay fahavaloko tsy ahoan-tsy ahoana dia nanenjika ahy mafy hoatra ny fanenjika voron-kely. **53** Nanjera ahy tao an-davaka famoriandrano izy ka nitady hahafaty ahy sady nitora-bato ahy. **54** Mandifotra ny lohako ny rano, ka dia hoy izaho: Maty aho ity! **55** Jehovah ô, niantso ny anaranao tany an-davaka lalina indrindra aho. **56** Ny feoko dia efa renao, aza tampenana ny sofinao, raha mitaraina mitady izay mba hiainana kely aho. **57** Nanakaiky Hianao tamin' ny andro niantsoako Anao, ka dia hoy Hianao: Aza matahotra. **58** Tompo ô, Hianao nandahatra ny adiko izay nikasika ny aiko, eny, nanavotra ny aiko Hianao. **59** Jehovah ô, hitanao ny fitsarana miangatra natao tamiko, ka mba tsarao ny adiko. **60** Hitanao ny famalian-dratsy rehetra ataon' ireo, dia ny saina rehetra entiny mamely ahy **61** Jehovah ô, efa renao ny latsa ataony, dia ny saina rehetra entiny mamely ahy, **62** Dia ny molotr' izay mitsangana hanohitra ahy sy ny saina ataony mandritra ny andro hamelezana ahy. **63** Jereo ny fipetrany sy ny fitsangany, fa ataony an-kira aho. **64** Hovalianao araka ny asan' ny tànany izy, Jehovah ô. **65** Eny, hohamaizininao ny fony, hihatra aminy ny ozonao. **66** Henjehinao amin' ny fahatezerana izy ka haringanao tsy ho etỳ ambanin' ny lanitr' i Jehovah.

4 Indrisy! efa matromatroka ny volamena; Efa niova ny tena volamena tsara! Ny vato nohamasinina dia efa nahahany eny an-joron-dalambe rehetra eny. **2** Indrisy! ny zanaka mahafinaritr' i Ziona, izay saro-bidy tahaka ny tena volamena, dia efa atao ho toy ny siny, asan-tànan' ny mpanefy tanimanga! **3** Na dia ny amboadia aza dia manolotra nono hampinonoany ny zanany; Fa ny oloko zanakavavy kosa dia efa masiaka toy ny ostritsa any an-efitra. **4** Ny lelan' ny zaza minono miraikitra amin' ny lanilaniny noho ny hetaheta; Ny ankizy madinika mangataka hanina, nefa tsy misy mizara ho azy. **5** Izay nihinana zava-py dia mahantra eny an-dalambe; Izay notezaina tamin' ny jaky dia mandamaka eny amin' ny zezika. **6** Fa ny heloky ny oloko zanakavavy dia lehibe noho ny helok' i Sodoma, Izay noravana indray mipi-maso monja, nefa tsy nokasihin-tanana akory, **7** Ny lehibeny dia mangatsakatsaka noho ny fanala, eny, fotsy noho ny ronono; Mena noho ny voahangy ny tenany; Tahaka ny vato safira ny endriny. **8** Fa izao kosa dia mainty noho ny arina ny tarehiny, ka tsy fantatra eny an-dalana izy; Ny hodiny miraikitra amin' ny taolany ka tonga maina toy ny hazo. **9** Tsara ny matin-tsabatra noho ny maty mosary; Fa ireto dia mihareraka toy ny voatrobaka noho ny tsi-fisian' ny vokatry ny saha. **10** Ny tanan' ny vehivavy malemy fanahy aza dia nahandro ny zanany: Eny, izany no nohaniny tamin' ny fandringanana ny oloko zanakavavy. **11** Tanterahin' i Jehovah ny fahavinirany, naidiny ny fahatezerany mirehitra, ary Izy nampirehitra afo tao Ziona, handevonana ny fanorenany. **12** Ny mpanjakan' ny tany sy ny mponina rehetra amin' izao tontolo izao dia tsy nanampo fa ny rafilahy sy ny fahavalo no ho tafiditra ao amin' ny vavahadin' i Jerosalema. **13** Noho ny fahotan' ny mpaminany sy ny heloky ny mpisorony, izay nandatsaka ny ran' ny marina tao aminy, no nahatongavan' izao. **14** Niraparapa toy ny jamba teny an-dalambe izy, sady voahosin-drà ny tenany, ka tsy nisy sahy nikasika ny akanjony. **15** Ny olona niantsoantso azy hoe: Mialà ianareo, fa maloto, mialà, mialà, aza mikasika anay. Raha nandositra sy niraparapa izy, dia hoy ny olona tany amin' ny jentilisa: Tsy mahazo mivahiny atỳ intsony ireny. **16** Ny fahatezeran' i Jehovah no nampihahakahaka azy, ary tsy mijery azy intsony Izy; Ny mpisorona tsy hajain' ireny, ary ny antitra tsy amindrany fo. **17** Mbola pahina ny masonay miandry foana ny hamonjy anay; Nitazana teo amin' ny tilikambo izahay nanantena ny firenena izay tsy nahavonjy anay. **18** Mitsongo-dia anay izy, ka tsy mahazo mandeha eny an-dalambe aza izahay; Akaiky ny fara-fiainanay, tapitra ny andronay, eny, tonga ny fara-fiainanay. **19** Ny mpanenjika anay dia haingam-pandeha noho ny voromahery eny amin' ny lanitra, ka miolomay manenjika anay any an-tendrombohitra ary manotrika anay any an-efitra izy. **20** Ny fofonainay, ilay voahosotr' i Jehovah, dia efa voafandriky ny longoany, dia ilay nataonay hoe: Ao ambanin' ny alokalony no hahavelona anay any amin' ny firenena. **21** Mifalia sy miraveravoa ihany ary, ry Edoma zanakavavy, izay monina any amin' ny tany Oza, ianao koa no horosoana ny kapoaka, ka ho mamo sy hitanjaka ianao. **22** Tsy misy intsony ny helokao, ry Ziona zanakavavy, tsy ho entina ho babo intsony ianao; Hamaly anao Izy, ry Edoma zanakavavy, noho ny helokao ka hampiseho ny fahotanao.

5 Jehovah ô, tsarovy izay nanjo anay; Hevero sy diniho ny latsa mahazo anay. **2** Ny lovanay dia afindra ho an' ny vahiny ary ny tranonay ho an' ny hafa firenena. **3** Efa kamboty izahay ka tsy manan-dray, ny reninay dia toy ny mpitondra-tena. **4** Na dia ny loharanonay aza dia andoavanay vola vao azonay isotroana, ary ny kitay hazonay dia vidinay vao azo. **5** Rambondrambonan' ny mpanenjika amin' ny hatokay izahay; Reraka izahay fa tsy manam-pitsaharana. **6** Nanolo-tanana tamin' ny Egyptiana sy ny Asyriana izahay mba ho voky hanina. **7** Nanota ny razanay tsy etỳ intsony izy; Ary izahay no mivesatra ny helony. **8** Andevo no manapaka anay; Tsy misy manafaka anay amin' ny tànany. **9** Noho ny sabatra mamely any an-efitra dia manao vy very ny ainay izahay vao mahazo hanina. **10** Mahamay toy ny fatana ny hodi-tray noho ny fahamaimaizana avy amin' ny mosary. **11** Nosavihina ny vehivavy tao Ziona ary ny virijina tao amin' ny tanànan' ny Joda. **12** Nahantona tamin' ny tànany ny lehibe; Ary ny antitra tsy mba nohajaina. **13** Ny zatovo nitondra ny fikosoham-bary; Ary ny ankizy madinika nivembena nitondra ny hazo. **14** Ny loholona tsy misy eo am-bavahady, ary ny zatovo tsy mitendry zava-maneno intsony. **15** Ny hafalian' ny fonay dia nitsahatra, ary ny dihinay niova ho fitomaniana.

16 Efa afaka ny satro-boninahitra tamin' ny lohanay; Idirandoza izahay, fa efa nanota! **17** Ary noho izany dia reraka ny fonay, eny, noho izany dia maizina ny masonay, **18** Noho ny amin' ny tendrombohitra Ziona, izay efa lao sady ikarenjen' ny amboahaolo. **19** Jehovah ô, ianao no mipetraka mandrakizay, eny, ny seza fiandriananao no maharitra hatramin' ny taranaka fara mandimby. **20** Ahoana no dia anadinoanao anay mandrakizay sy ahafoizanao anay andro lava? **21** Jehovah ô, ampivereno aminao izahay, mba hiverenanay; Havaozy ho toy ny fahiny ny andronay. **22** Moa dia nandà anay tokoa va Hianao sy tezitra aminay indrindra?

Ezekiela

1 Ary tamin' ny andro fahadimy tamin' ny volana fahefatra tamin' ny taona fahatelo-polo, raha teo amin' ny babo teo amoron' ny ony Kebara aho, dia nisokatra ny lanitra, ka nahita fahitana avy tamin' Andriamanitra aho. **2** Tamin' ny andro fahadimy tamin' ny volana (taona fahadimy taorian' ny namaboana an' i Joiakina mpanjaka izany) **3** dia tonga tamin' i Ezekiela mpisorona, zanak' i Bozy, ny tenin' i Jehovah tany amin' ny tanin' ny Kaldeana, teo amoron' ny ony Kebara; ary ny tànan' i Jehovah dia taminy teo. **4** Ary hitako fa, indro, nisy tafio-drivotra avy tany avaratra, dia rahona lehibe sy afo mifandrambondrambona, sady nisy namirapiratra manodidina azy; ary avy teo amin' ny afo dia nisy toy ny volon' ny metaly mamirapiratra. **5** Ary teo aminy koa nisy toa endriky ny zava-manan' aina efatra. Ary ny fikery azy dia hoatra ny endrik' olona. **6** Ary samy nanana tarehy efatra sy elatra efatra avy izy. **7** Ary mahitsy ny tongony; ary ny faladiany dia tahaka ny faladian' ny ombilahy kely; ary mamirapiratra toy ny volon' ny varahina manganohano izy. **8** Ary nisy tanan' olona teo ambanin' ny elany teo amin' ny lafiny efatra, ary samy nanana ny tarehiny sy ny elany avy izy efatra. **9** Nifanendry ny elany; tsy niherika izy raha nandeha, fa samy nizotra tamin' izay hitsiny avy izy rehetra. **10** Ary ny toetry ny tarehiny dia tahaka ny tarehin' olona; ary tamin' ny ankavanany dia samy nanana ny tarehin' ny liona izy efatra, ary tamin' ny ankaviany dia samy nanana ny tarehin' omby, ary samy nanana ny tarehin' ny voromahery koa izy efatra. **11** Ary ny tarehiny sy ny elany dia nisaraka hatreo ambony: samy nisy roa nifanendry tamin' ny an' ny namany, ary ny roa nanarona ny tenany. **12** Dia samy nizotra tamin' izay hitsiny avy izy, ka na aiza na aiza no tian' ny fanahy ho nalehany dia nalehany: tsy niherika izy raha nandeha. **13** Ary tahaka ny vainafo mirehitra ny fijery ny zava-manan' aina, dia tahaka ny fijery ny fanilo; nivoivoy teny anelanelan' ny zava-manan' aina ny afo; ary namirapiratra ny afo, sady nisy helatra nivoaka avy tao aminy. **14** Ary ny zava-manan' aina nifanaresaka nankary nankatsy toy ny helatra mifelopeloka. **15** Ary hitako ny zava-manan' aina, fa, indro, nisy kodia iray avy teo ambonin' ny tany, teo anilan' ny zava-manan' aina teo anoloan' ny tarehiny efatra. **16** Ny tarehin' ny kodia sy ny rafiny dia tahaka ny volon' ny krysolita, ary nitovy endrika izy efatra, ary ny tarehiny sy ny rafiny dia toy ny kodia anatin' ny kodia. **17** Raha nandeha izy, dia nandeha tamin' izay hitsin' ny lafiny efatra: tsy niherika izy raha nandeha. **18** Ary ny boriboriny manodidina azy dia avo sy mahatahotra, sady feno maso manodidina izy efatra. **19** Ary raha nandeha ny zava-manan' aina, dia nandeha teo anilany koa ny kodia; ary raha niainga tsy nipaka tamin' ny tany ireo zava-manan' aina, dia mba niainga koa ny kodia. **20** Na aiza na aiza no tian' ny fanahy ho naleha dia nalehan' ireo koa; fa any koa no mba tian' ny fanahy haleha, ary ny kodia dia niainga teo anilany; fa teo amin' ny kodia ny fanahin' ny zava-manan' aina. **21** Raha nandeha ireny, dia mba nandeha koa ireto; ary raha nijanona ireny, dia mba nijanona koa ireto; ary raha niainga tsy nipaka tamin' ny tany ireny, dia mba niainga teo anilany koa ny kodia; fa ny fanahin' ny zava-manan' aina dia tao amin' ny kodia. **22** Ary teo ambonin' ny lohan' ny zava-manan' aina dia nisy toa endriky ny eloelo, toy ny volon' ny krystaly mahatahotra, mivelatra eo ambonin' ny lohany. **23** Ary nivelatra mahitsy sady nifanendry ny elany teo ambanin' ny eloelo: samy nanan-droa avy izy rehetra, izay nanaronany ny tenany. **24** Ary raha nandeha izy, dia nahare ny fikopakopaky ny elany aho, toy ny firohondrohon' ny rano be, dia tahaka ny feon' ny Tsitoha, dia feo toy ny fireondreon' ny miaramila mitoby; **25** Ary nisy feo avy teo ambonin' ny eloelo izay teo ambonin' ny lohany; nony nijanona izy, dia namihina ny elany. **26** Ary teo ambonin' ny eloelo, izay teo ambonin' ny lohany, dia nisy endriky ny seza fiandrianana mitovy volo amin' ny vato safira; ary teo ambonin' ny endriky ny seza fiandrianana dia nisy hoatra ny endrik' olona. **27** Ary nahita toy ny volon' ny metaly mamirapiratra aho, dia hoatra ny tarehin' ny afo manodidina azy; ary hatramin' ny valahany no ho miakatra ka hatramin' ny valahany no ho midìna dia hitako tahaka ny afo, ka nisy namirapiratra manodidina azy. **28** Toy ny tarehin' avana amin' ny rahona amin' ny andro nisy ranon' orana no tarehin' ny namirapiratra manodidina. Izany no fijery ny endriky ny voninahitr' i Jehovah. Ary nony nahita izany aho, dia nikarapoka nihohoka ka nandre ny feon' ny anankiray niteny.

2 Ary hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, mitsangàna, fa hiteny aminao Aho. **2** Ary nisy fanahy tonga tao anatiko, raha niteny tamiko Izy, ka nampitsangana ahy, ary reko Izay niteny tamiko. **3** Ary hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, maniraka anao ho amin' ny zanak' Isiraely Aho, eny, ho amin' ireo jentilisa mpiodina, izay efa niodina tamiko; izy sy ny razany dia samy efa nanota tamiko avokoa mandraka androany. **4** Ary ho any amin' ny zanaka mafy handrina sy madi-po no anirahako anao, ary ianao hanao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo. **5** Ary na hihaino izy na tsy hihaino (fa taranaka maditra izy), dia ho fantany fa efa nisy mpaminany teo aminy. **6** Ary ianao, ry zanak' olona, aza matahotra azy, ary aza matahotra ny teniny, na dia voakasiky ny amiana sy ny tsilo aza ianao, ary na dia eo amin' ny maingoka aza no ipetrahanao; eny, aza matahotra ny fiteniny, ary aza mivadi-po noho ny tarehiny, fa taranaka maditra izy. **7** Ary holazainao aminy ihany ny amiko, na hihaino izy na tsy hihaino, fa tena naditra izy. **8** Fa ianao kosa, ry zanak' olona, mihainoa izay lazaiko aminao; aza maditra tahaka izany taranaka maditra izany ianao; akafy ny vavanao, ka hano izay afahako anao. **9** Ary hitako fa, indro, nisy tanana nahinjitra tamiko, ary, indro, nisy horonan-taratasy ny aminy. **10** Dia novelariny teo anatrehako izany, ary nisy soratra teo anatiny sy teo ivoany; ary fitomaniana sy fidradradradrana loza no voasoratra teo.

3 Ary hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, hano izay hitanao, eny, hano ity horonan-taratasy ity, dia mandehana, ka mitenena amin' ny taranak' Isiraely. **2** Dia nosokafako ny vavako, ary nafahany ahy izany horonan-taratasy izany. **3** Ary hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, vokiso ny kibonao, ary

fenoy ny horonan-taratasy omeko anao ity ny tsinainao. Dia nihinana aho, ka, mamy tao am-bavako toy ny tantely izy. **4** Ary hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, andeha mankany amin' ny taranak' Isiraely, ka lazao aminy ny teniko. **5** Fa tsy ho any amin' ny firenena miboediboedi-piteny sy miboeriboerika no anirahana anao, fa ho any amin' ny taranak' Isiraely ihany; **6** tsy ho amin' ny firenena maro, izay miboediboedi-piteny sy miboeriboerika, ka tsy ho azonao ny teniny, fa raha maniraka anao ho amin' ireto Aho, dia hihaino anao izy. **7** Fa ny taranak' Isiraely dia tsy mety mihaino anao, satria tsy mety mihaino Ahy izy; fa ny taranak' Isiraely rehetra dia mafy handrina sady madi-po. **8** Indro, efa nohamafiko ny tarehinao hiatrika amin' ny tarehiny sy ny handrinao hanandrina ny handriny. **9** Ataoko toy ny diamondra ny handrinao, eny, mafy noho ny vatolampy aza; ka aza matahotra azy na mivadi-po noho ny tarehiny, fa taranaka maditra izy. **10** Ary hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, ny teny rehetra izay holazaiko aminao dia aoka ho mamin' ny fonao, ka henoy amin' ny sofinao. **11** Dia mandehana mankany amin' ny babo, dia ireo zanaky ny firenenao ary mitenena aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo na hihaino izy na tsy hihaino. **12** Ary nisy fanahy nanainga ahy, dia nandre horakoraka be teo ivohoko aho nanao hoe: Isaorana anie ny voninahitr' i Jehovah avy amin' ny fitoerany. **13** Ary reko koa ny fikopakopaky ny elatry ny zava-manan' aina, izay nifanendry, sy ny fidilodilotry ny kodia teo anilany sy ny horakoraka be. **14** Ary nisy fanahy nanainga ahy ka nitondra ahy, dia lasa aho sady nirehitra tamin' ny fahavontosan' ny fanahiko; ary ny tànan' i Jehovah dia nahery tao amiko. **15** Dia tonga tany amin' ny babo tany Telabiba aho, dia teo amin' izay nonina teo amoron' ny ony Kebara, teo amin' izay nipetrahany, ary mandritra ny hafitoana dia tahaka ilay torana iny aho. **16** Ary nony afaka ny hafitoana, dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **17** Ry zanak' olona, efa nataoko mpitily ho an' ny taranak' Isiraely ianao; ka dia hohenoinao ny teny avy amin' ny vavako, ary avy amiko no hananaranao azy. **18** Raha hoy Izaho amin' ny ratsy fanahy: Ho faty tokoa ianao! ary tsy mananatra azy ianao, na miteny hananatra ny ratsy fanahy, hialany amin' ny lalany ratsy hamonjena ny ainy, dia ho faty amin' ny helony ihany ilay ratsy fanahy; nefa hadiniko amin' ny tananao ny rànу. **19** Fa raha mananatra ny ratsy fanahy kosa ianao, ka izy no tsy mety miala amin' ny faharatsiany sy amin' ny lalany ratsy, dia ho faty amin' ny helony ihany izy; fa ho voavonjinao ny fanahinao. **20** Ary koa, raha ny marina miala amin' ny fahamarinany ka manao meloka, ary mametraka fahatafintohinana eo anoloany Aho, dia Ho faty izy; eny noho ny tsy nananaranao azy dia ho faty amin' ny fahotany ihany izy, ary ny fahamarinana izay nataony tsy hotsaroana, nefa kosa hadiniko amin' ny tananao ny rànу. **21** Fa raha mananatra ny marina mba tsy hanota ianao, ka tsy manota izy, dia ho velona tokoa izy, satria nino anatra; ary voavonjinao koa ny fanahinao. **22** Ary ny tànan' i Jehovah dia tamiko, ary hoy Izy tamiko: Mitsangàna, ka mivoaha ho any amin' ny lohasaha, ary any no hitenenako aminao. **23** Dia nitsangana aho ka nivoaka nankany amin' ny lohasaha; ary, indro, nitoetra teo ny voninahitr' i Jehovah tahaka ny voninahitra izay efa hitako teo amoron' ny ony Kebara ihany dia nikarapoka nihohoka aho. **24** Ary nisy fanahy tonga tao anatiko ka nampitsangana ahy; dia niteny tamiko Izy ka nanao hoe: Andeha, mirindrina ao anatin' ny tranonao ianao. **25** Fa ianao, ry zanak' olona, indro, hasiany fatorana, izay hamatorany anao, ka tsy hahazo mivoaka ho ao aminy ianao. **26** Ary hampiraiketiko amin' ny lanilaninao ny lelanao, ka ho moana ianao ary tsy ho mpananatra azy; fa taranaka maditra izy. **27** Fa raha miteny aminao Aho, dia hosokafako ny vavanao, ka dia holazainao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Izay mihaino, dia aoka izy hihaino; ary izay tsy mihaino, dia aoka izy tsy hihaino kosa; fa taranaka maditra izy.

4 Ary ianao, ry zanak' olona, makà kapila tanimanga, ary apetraho eo anoloanao, dia manorata sarin-tanàna eo aminy, dia sarin' i Jerosalema; **2** ary ataovy fahirano izy, ka manaova tilikambo hamelezana azy, ary manandrata tovon-tany manodidina azy; ary asio toby hamelezana azy, ary asio lohondry vy fandravana manodidina azy. **3** Ary makà lapoely, ka ataovy manda vy eo anelanelanao sy ny tanàna, dia banjino tsara io, ary aoka hatao fahirano, eny, aoka hataonao fahirano io. Famantarana ho amin' ny taranak' Isiraely izany. **4** Ary ataovy ambany mandry ny ilanao ankavia, ka ataovy eo aminy ny fahotan' ny taranak' Isiraely; koa araka ny isan' ny andro handrianao toy izany no hitondranao ny helony. **5** Fa Izaho dia manao fetr' andro ho anao mitovy amin' ny taonan' ny helony, dia sivi-folo amby telon-jato andro, ka ho entinao ny heloky ny taranak' Isiraely. **6** Ary rehefa tapitrao ireo, dia ataovy ambany mandry kosa ny ilanao ankavanana, ary aoka hitondra ny heloky ny taranak' i Joda efa-polo andro ianao; ny indray andro no nataoko solon' ny herintaona ho anao. **7** Dia banjino tsara io fahirano an' i Jerosalema io, ary aoka hiseho sandry ianao ka haminany hamely azy. **8** Ary, indro, hafatotro ianao ka tsy hahavadi-mandry ambara-pahatapitrao ny andron' ny fahiranonao. **9** Ary mangalà vary tritika sy vary hordea sy tsaramaso sy voanemba sy ampemby sy spelta ianao, ary ataovy am-bilia iray ireo, ka anaovy mofo ho anao; araka ny isan' ny andro izay handrianao amin' ny ilanao, dia sivi-folo amby telon-jato andro, no hihinananao azy. **10** Ary an-danjany no hihinananao ny haninao, dia roa-polo sekely isan' andro; asio elanelany ny fihinanao azy. **11** Ary rano afàtra no hosotroinao, dia ampahenin' ny hina; asio elanelany koa ny fisotronao azy. **12** Ary hatao toy ny mofo vary hordea no ho fihinanao azy, ary diky no hataonao kitay hanendasanao azy eo imasony. **13** Ary hoy Jehovah: Toy izany no hihinanan' ny zanak' Isiraely ny mofony voaloto any amin' ny firenena izay handroahako azy. **14** Dia hoy izaho: Indrisy Jehovah Tompo ô, indro tsy voaloto ny fanahiko; fa hatry ny fony aho mbola tanora ka mandraka ankehitriny dia tsy mba nihinana izay fatin-javatra na izay noviraviraim-biby akory aho; ary tsy mbola nikasika ny vavako akory izay nofo fahavetavetana. **15** Dia hoy Izy tamiko: Indro, tain' omby no omeko anao hisolo ny dity, ka izany no hataonao kitay

hanendasanao ny mofonao. **16** Ary hoy koa Izy tamiko: Ry zanak' olona, indro, hotapahiko any Jerosalema ny mofo, tohan' aina, ka an-danjany amin' ny fanahiana no hihinanany mofo; ary rano afàtra no hosotroiny amin' ny fahatahorana. **17** Ka dia ho mosare-mofo sy rano izy, ary samy ho raiki-tahotra sady hihalevona noho ny helony.

5 Ary ianao, ry zanak' olona, dia makà sabatra maranitra ho toy ny harezan' ny mpanala volombava, ka anarato ny lohanao sy ny somotrao, dia makà mizana, ka zarao ny volo. **2** Ny ampahatelony dia dory amin' ny afo ao antanàna, rehefa tapitra ny andron' ny fahirano; ary alao koa ny ampahatelony, ka asio ny sabatra manodidina; ary ny ampahatelony dia aelezo ho amin' ny rivotra; ary hanatsoaka sabatra ho enti-manenjika azy Aho. **3** Ary analao vitsivitsy ireo, ka fonosy ao amin' ny sisin-dambanao. **4** Ary ireny indray dia mbola analao koa, dia atsipazo eo anaty afo izany, ka dory eo fa hisy afo hivoaka avy aminy ho amin' ny taranak' Isiraely rehetra. **5** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ity Jerosalema ity dia nataoko eo afovoan' ny jentilisa, ka voahodidin' ireny tany ireny izy. **6** Ary nanao ditra tsy nanaraka ny fitsipiko sy ny didiko izy, fa nanao ratsy mihoatra noho ny jentilisa sy ny tany manodidina azy; eny, nanao ditra tsy nanaraka ny fitsipiko sy ny didiko izy ka tsy nandeha araka izany. **7** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Satria ianareo nitabataba mihoatra noho ny firenena manodidina anareo ka tsy nandeha araka ny didiko na nanaraka ny fitsipiko sady tsy nanaraka ny fitsipiky ny firenena izay manodidina anareo aza, **8** dia izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, Izaho dia Izaho no mamely anao ka hanao fitsarana eo aminao eo imason' ny firenena. **9** Ary noho ny fahavetavetanao rehetra dia hataoko aminao izay tsy mbola nataoko, sady tsy hataoko tahaka izany intsony. **10** Koa ny ray dia hihinana ny zanany eo aminao, ary ny zanaka kosa hihinana ny rainy; ary hanao fitsarana eo aminao Aho, ary izay sisa rehetra aminao dia haeliko ho amin' ny rivotra rehetra; **11** eny, raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, noho ny nandotoanao ny fitoerako masìna tamin' ny zava-dratsinao rehetra sy tamin' ny fahavetavetanao rehetra, Izaho kosa dia hampiala ny masoko, fa tsy hiantra; eny, Izaho dia tsy hamindra fo. **12** Ny ampahatelony eo aminao dia ho fatin' ny areti-mandringana na ho ringan' ny mosary eo aminao; ary ny ampahatelony dia ho lavon' ny sabatra manodidina anao; ary ny ampahatelony dia haeliko ho amin' ny rivotra rehetra, ary hanatsoaka sabatra ho entiko manenjika azy Aho. **13** Ary ho tanteraka amin' izany ny fahatezerako, sady hampariko aminy ny fahatezerako, ka hialako fo izy; dia ho fantany fa Izaho Jehovah no niteny izany tamin' ny fahasaropiaroko, rehefa notanterahiko taminy ny fahatezerako. **14** Ary hataoko lao sy fandatsa eny amin' ny firenena izay manodidina anao ianao eo imason' izay rehetra mandalo. **15** Ka dia hisy latsa sy fitenenan-dratsy sy famaizana sy figagana avy amin' ny jentilisa manodidina anao, rehefa manao fitsarana aminao Aho amin' ny fahatezerana sy ny fahavinirana ary amin' ny fananarana mafy Izaho Jehovah no niteny izany **16** raha alefako ho fandringanana azy ny mosary dia ny zana-tsipìka ratsy izay halefako handringana anareo, sady hampitomboiko ny mosary eo aminareo, ka hotapahiko ny mofonareo, izay tohan' aina. **17** Dia haterako mosary sy biby masiaka eo aminareo, izay hahalany fara anareo; ary handroso eo aminao ny areti-mandringana sy ny fandatsahan-drà, ary hataoko mihatra aminao ny sabatra. Izaho Jehovah no niteny izany

6 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, manandrifia ny tendrombohitry ny Isiraely, ary maminania ny hamelezana azy, **3** ka ataovy hoe: Ry tendrombohitry ny Isiraely ô. Mihainoa ny tenin' i Jehovah Tompo: Izao no lazain' i Jehovah Tompo amin' ny tendrombohitra sy ny havoana, ary ny lohasahandriaka sy ny lohasaha: Indro, Izaho no hahatonga sabatra hamely anareo, ary horavako ny fitoerana avonareo. **4** Ary hokoroina ny alitaranareo, ary hosimbana ny tsangan-kazonareo ho an' ny masoandro; ary hataoko mitsitra eo anoloan' ny sampinareo ny fatinareo; **5** Ary ny fatin' ny zanak' Isiraely hataoko eo anoloan' ny sampiny; Ary ny taolanareo dia haeliko eny manodidina ny alitaranareo eny. **6** Any amin' ny fonenanareo rehetra dia ho lao ny tanàna, Ary ho rava ny fitoerana avo, mba ho rava sy lao koa ny alitaranareo, dia hotapatapahina sy hofoanana ny sampinareo, ary hokapaina ny tsangan-kazonareo ho an' ny masoandro, Ka dia holevonina ny asanareo. **7** Ary hisy faty hiampatrampatra eo aminareo; Ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **8** Nefa hamelako hisy sisa ihany ianareo, fa hisy ho afaka amin' ny sabatra any amin' ny jentilisa, Rehefa voaely ho any amin' ny tany samy hafa ianareo. **9** Ary izay afaka aminareo dia hahatsiaro Ahy any amin' ny jentilisa izay hitondrana azy ho babo, rehefa voatorotoroko ny fony mijangajanga, izay efa niala tamiko, sy ny masony, izay mijangajanga manaraka ny sampiny, ary haharikoriko azy ny tenany noho ny ratsy izay efa nataony, dia ny fahavetavetany rehetra; **10** Ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah, ary tsy foana ny nilazako fa hahatonga izany loza izany aminy Aho. **11** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Mameleza amin' ny tananao ianao, ary mitotoa amin' ny tongotrao, ka manaova hoe: Indrisy! ny fahavetavetana ratsy rehetra ataon' ny taranak' Isiraely, izay ho lavon' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana! **12** Ny lavitra ho fatin' ny areti-mandringana, ny akaiky ho lavon' ny sabatra, ary izay sisa sy izay voaro dia ho faty mosary; Ka dia hotanterahiko aminy ny fahatezerako. **13** Dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah, Rehefa miampatrampatra eny amin' ny sampy manodidina ny alitarany ny voavono ao aminy, eny amin' ny havoana andrandraina rehetra, eny amin' ny tendrombohitra rehetra sy eny ambanin' ny hazo maitso rehetra sy eny ambanin' ny terebinta misandrahaka rehetra, dia eny amin' izay efa nanaterany hanitra ankasitrahana tamin' ny sampiny rehetra; **14** Hahinjitro aminy ny tanako, ary ny tany any amin' ny fonenany rehetra dia hataoko lao sy foana mihoatra noho ny efitr' i Dibla; Ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah.

7 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ary ianao, ry zanak' olona, dia izao no lazain' i Jehovah

Tompo amin' ny tanin' ny Isiraely: Injao ny farany! Eny, mby akaiky ny farany ho amin' ny vazan-tany efatra. **3** Ankehitriny dia mby akaikinao ny farany, ary halefako aminao ny fahatezerako, dia hotsaraiko araka ny alehanao ianao, ka hatambesatro aminao ny fahavetavetanao rehetra. **4** Ary tsy hiantra anao ny masoko, sady tsy hamindra fo Aho; Fa hatambesatro aminao ny lalanao, ary ny fahavetavetanao dia ho eo aminao, ary dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **5** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Injao! avy ny loza, dia loza izay tsy misy toa azy! **6** Injao ny farany! Eny, mby akaiky ny farany; Mifoha hamely anao iny, indro, efa mby akaiky iny. **7** Mby akaiky ny anjaranao, ry mponina amin' ny tany; Mby akaiky ny fotoana, efa antomotra ny andro, dia akoran' ady, fa tsy fihobiana, eny an-tendrombohitra. **8** Ary vetivety foana dia hampidiniko aminao ny fahatezerako, Ary hotanterahiko aminao ny fahavinirako; ka hotsaraiko araka ny alehanao ianao, ary hatambesatro aminao ny fahavetavetanao. **9** Ary tsy hiantra anao ny masoko, sady tsy hamindra fo Aho; Hatambesatro aminao ny lalanao, ary ny fahavetavetanao dia ho eo aminao, ka dia ho fantatrareo fa Izaho Jehovah no mamely. **10** Indro ny andro, indro mby akaiky iny! Miseho ny anjaranao. Mamonjy ny tsorakazo, manorobona ny avonavona! **11** Ny fanaovana an-keriny dia mitsangana ho tsorakazo hamelezana ny faharatsiana; tsy hisy sisa intsony aminy, na ny hamaroany, na ny hareny, na ny zava-mendrika eo aminy. **12** Mby akaiky ny fotoana, antomotra ny andro; aoka tsy hifaly ny mpividy, ary aoka halahelo ny mpivarotra; Fa iharan' ny fahatezerana mirehitra ny hamaroany rehetra. **13** Fa ny mpivarotra tsy hifodian' izay efa lafony, na dia mbola isan' ny velona aza izy; Fa ny fahitana ny amin' ny hanjo ny hamaroanay dia tsy hitsoaka, ary tsy hisy ampahery ny ainy amin' ny helony. **14** Efa nitsoka ny trompetra izy ka nahavonona ny zavatra rehetra, nefa tsy misy mankany amin' ny ady, satria iharan' ny fahatezerako mirehitra ny hamaroany rehetra. **15** Ny sabatra no eny ivelany, ary ny areti-mandringana sy ny mosary kosa no ao anatiny; Izay any an-tsaha dia ho fatin-tsabatra, ary izay any an-tanàna kosa dia ho levon' ny mosary sy ny areti-mandringana. **16** Ary na dia misy afa-mandositra aza, dia ho any an-tendrombohitra izy ka ho toy ny voromailala an-dohasaha: Izy rehetra dia samy hitoloko avokoa noho ny helony. **17** Hiraviravy ny tanana rehetra, ary ho rano ny lohalika rehetra; **18** Hisikina lamba fisaonana koa izy, ka ho menatra ny tava rehetra. **19** Ny volafotsiny dia harianay eny an-dalambe, ary ny volamenany hataony ho maharikoriko, ny volafotsiny sy ny volamenany tsy hahavonjy azy amin' ny andro fahatezeran' ny Jehovah Tsy hahavoky ny fanahiny na hahafeno ny kibony izany, fa tonga fahatafintohinana mahameloka azy. **20** Fa ny firàvany tsara tarehy dia nataony ho rehareha sady nentiny nanao ireo sary fahavetavetany, dia ireo zava-dratsiny, koa izany no efa nanaovako ireny ho zava-maharikoriko azy. **21** Ary hatolotro ho babo eny an-tànan' ny hafa firenena izy, Eny, ho babo ho an' ny ratsy fanahy amin' ny tany, ka holotoin' ireny izy. **22** Dia hiamboho azy koa Aho, ka holotoiny ny rakitro; Fa hiditra ao aminy ny mpandroba ka handoto azy. **23** Manefa gadra, fa efa feno fitsarana ny amin' ny fandatsahan-drà ny tany, ary feno fampahoriana ny tanàna. **24** Ka dia hitondra izay jentilisa ratsy indrindra Aho, ary ho lasan' ireny ny tranony; dia hatsahatro ny avonavon' ny mahery, ary ho lotoina ny fitoerany masìna. **25** Ho avy ny fandringanana; ary hitady fiadanana izy, fa tsy hisy. **26** Mifanontona ny fandravana, ary mifanindry ny filazan-doza; Dia manontany fahitana amin' ny mpaminany izy, fa tsy misy lalàna intsony amin' ny mpisorona, na fahendrena amin' ny anti-panahy. **27** Hitomany ny mpanjaka, eny, hitafy fahatalanjonana ny andriana, ary hangovitra ny tanan' ny vahoaka; Araka ny alehany no hataoko aminy, ary hotsaroiko araka ny fitsarana nataony izy, ka dia fantany fa Izaho no Jehovah.

8 Ary tamin' ny andro fahadimy tamin' ny volana fahenina tamin' ny taona fahenina, raha nipetraka tao an-tranoko aho, ary nipetraka teo anatrehako ny loholon' ny Joda, dia nilatsaka tamiko ny tànan' i Jehovah Tompo. **2** Ary hitako fa, indro, nisy nitarehin' afo; hatramin' ny valahany no ho midìna dia afo; ary hatramin' ny valahany no ho miakatra kosa dia nitarehin-java-mamirapiratra dia toy ny volon' ny metaly mamirapiratra. **3** Ary nisy nitarehin-tanana nahinjiny, ka noraisiny tamin' ny voloko aho, dia nisy fanahy nanainga ahy ho eny anelanelan' ny tany sy ny lanitra ka nitondra ahy ho any Jerosalema tamin' ny fahitana avy amin' Andriamanitra, ho eo amin' ny vavahadin' ny kianja anatiny, izay manatrika ny avaratra, dia ilay nisy ny sarin-javatra fampahasaro-piaro, dia ilay mampahasaro-piaro. **4** Ary, indro, teo ny voninahitr' Andriamanitry ny Isiraely tahaka ilay fahitana efa hitako teo amin' ny lohasaha. **5** Dia hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, atopazy kely amin' ny lalana mianavaratra ny masonao. Dia natopiko tamin' ny lalana mianavaratra ny masoko ka, indro, eny avaratry ny vavahadin' ny alitara no nisy ilay sarin-javatra fampahasaro-piaro teo amin' ny fidirana. **6** Dia hoy koa Izy tamiko: Ry zanak' olona, hitanao va izay ataon' ireo, dia ny fahavetavetana lehibe izay ataon' ny taranak' Isiraely eto ka mampanalavitra Ahy amin' ny fitoerako masìna? Mbola hahita fahavetavetana lehibe koa ianao. **7** Dia nentiny ho eo amin' ny vavahadin' ny kianja aho; ary hitako fa, indro, nisy loaka teo amin' ny ampiantany. **8** Dia hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, loahy ny ampiantany; dia noloahako ny ampiantany ka, indro, nisy varavarana. **9** Ary hoy Izy tamiko: Midìra, ka jereo ny fahavetavetana lehibe ataony eto. **10** Dia niditra aho ka nahita, ary indreo, nisy sarin' ny biby mandady sy mikisaka rehetra sy ny biby hafa, dia izay fahavetavetana, sy ny sampy rehetra an' ny taranak' Isiraely, voasoratra teo amin' ny rindrina manodidina. **11** Ary nisy olona fito-polo lahy, isan' ny loholon' ny taranak' Isiraely, nitsangana teo anoloan' ireo, ary Jazania, zanak' i Safana, nitsangana teo afovoany, samy nitondra ny loviany fandoroana ditin-kazo manitra teny an-tànany avy, ary ny setroky ny ditin-kazo manitra dia nidonata. **12** Ary hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona efa hitanao va ny ataon' ny loholon' ny taranak' Isiraely amin' ny maizina, dia samy ao amin' ny efi-tranony misy sary? Fa hoy izy: Jehovah tsy mahita

anay; efa nahafoy ny tany Izy. **13** Ary hoy koa Izy tamiko: Mbola hahita fahavetavetana lehibe izay ataony koa ianao. **14** Dia nentiny ho eo anoloan' ny vavahadin' ny tranon' i Jehovah, izay manatrika ny avaratra aho; ary, indreo, nisy vehivavy nipetraka teo, nitomany an' i Tamoza. **15** Dia hoy Izy tamiko: Hitanao va izany ry zanak' olona? Mbola hahita fahavetavetana lehibe noho ireto koa ianao. **16** Dia nentiny ho eo amin' ny kianja anatiny amin' ny tranon' i Jehovah aho, ary, indro, teo am-baravaran' ny tempolin' i Jehovah, dia teo anelanelan' ny lavarangana fidirana sy ny alitara, dia nisy tokony ho dimy amby roa-polo lahy niamboho ny tempolin' i Jehovah ka nanatrika ny atsinanana; ary ireo dia niankohoka manandrify ny masoandro, nanatrika ny atsinanana. **17** Dia hoy Izy tamiko: Hitanao va izany, ry zanak' olona? Moa ataon' ny taranak' i Joda ho kely loatra va ny nanaovany ny fahavetavetana izay ataony eto, no fenoiny fampahoriana koa ny tany, ka mampahatezitra Ahy lalandava izy; ary indro izy nanainga ny rantsan-kazo ho amin' ny orony. **18** Ary Izaho kosa dia hamely amin' ny fahatezerako; tsy hiantra ny masoko, sady tsy hamindra fo Aho; ary na dia mitaraina mafy eo an-tsofiko aza izy, dia tsy hihaino azy Aho.

9 Ary niantso tamin' ny feo mahery teo anatrehako Jehovah ka nanao hoe: Manakeke ianareo, ry mpiambina ny tanàna, ka samia mitondra ny fiadiany eny an-tànany avy ho enti-mandringana. **2** Ary, indreo, nisy lehilahy enina avy tamin' ny lalana mankamin' ny vavahady ambony, izay manatrika ny avaratra, sady samy nitondra ny fiasany fanorotoroana teny an-tanany avy izy; ary ny anankiray tamin' ireo dia nitafy rongony fotsy, sady nisy fitoeran-dranomaintin' ny mpanoratra teo am-balahany; ary niditra izy ireo ka nitsangana teo anilan' ny alitara varahina. **3** Ary ny voninahitr' Andriamanitry ny Isiraely efa niakatra niala teo amin' ny kerobima, izay nitoerany, ho eo amin' ny tokonam-baravaran' ny trano, ary Izy niantso ilay olona nitafy rongony, totsy izay nisy fitoeran-dranomaintin' ny mpanoratra teo am-balahany. **4** Ary hoy Jehovah taminy: Mandehana mamaky ny tanàna, dia Jerosalema, ka asio marika ny handrin' ny olona izay misento sy mitaraina noho ny fahavetavetana rehetra atao eo aminy. **5** Ary reko Izy nanao tamin' ny sasany hoe: Mandehana manaraka azy ianareo hamaky ny tanàna, ka mameleza; aoka tsy hamindra fo aminy ny masonareo, ary aza ananana antra izy, **6** Fa na lahy antitra, na zatovo, na virijina, na zaza madinika, na vehivavy, dia aringano avokoa; fa izay olona misy ilay marika ihany no aza kasihina ary atombohy hatreo amin' ny fitoerako masìna izany. Dia nanomboka tamin' ny lahy antitra izay teo anoloan' ny trano ireo. **7** Ary hoy Izy taminy: Lotoy ny trano, ary fenoy faty ny kianja; dia mivoaha ianareo. Ary dia nivoaka izy ka namely ny tao an-tanàna. **8** Ary raha mbola namely izy, ary izaho ihany no sisa teo, dia niankohoka aho ka nitaraina hoe: Indrisy! Jehovah Tompo ô! haringanao va ny sisa rehetra amin' ny Isiraely amin' izao ampidinanao ny fahatezeranao amin' i Jerosalema izao? **9** Dia hoy Izy tamiko: Lehibe dia lehibe ny heloky ny taranak' ny Isiraely sy ny Joda, ary feno ran' olona nalatsaka ny tany, sady feno fitsarana miangatra ny tanàna, satria hoy izy: Jehovah efa nahafoy ny tany ary Jehovah tsy mahita. **10** Ary Izaho kosa, dia tsy hiantra ny masoko, sady tsy hamindra fo aho, fa hatsingeriko ho eo an-dohany ny nataony. **11** Ary, indro, ralehilahy, ilay nitafy rongony fotsy sady nisy fitoeran-dranomainty teo am-balahany, dia nitondra teny niverina nanao hoe: Efa vitako izay nandidianao ahy.

10 Ary hitako fa, indro, teo ambonin' ny eloelo izay teo ambonin' ny lohan' ny kerobima dia nisy tahaka ny vato safira; tahaka ny endriky ny seza fiandrianana no fijery azy; ary Jehovah niseho teo amboniny. **2** Ary niteny tamin-dralehilahy nitafy rongony fotsy Izy nanao hoe: Midìra eo anelanelan' ny kodia, dia eo ambanin' ny kerobima, ary fenoy vain' afo avy eo anelanelan' ny kerobima ny tananao roa, ka afafazo amin' ny tanàna izany. Dia niditra teo imasoko izy. **3** Ary ny kerobima nitsangana teo amin' ny ankavanan' ny trano, raha niditra ralehilahy; ary feno ilay rahona ny kianja anatiny. **4** Dia niakatra niala teo amin' ny kerobima ny voninahitr' i Jehovah ho eo amin' ny tokonam-baravaran' ny trano; ary feno ilay rahona ny trano, ary ny kianja dia feno ny famirapiratan' ny voninahitr' i Jehovah. **5** Ary ny fikopakopaky ny elatry ny kerobima dia re hatrany amin' ny kianja ivelany, toy ny feon' Andriamanitra Tsitoha, raha miteny. **6** Ary rehefa nodidiany ralehilahy nitafy rongony fotsy, nataony hoe: Manalà afo avy eo analenelan' ny kodia, eo anelanelan' ny kerobima, dia niditra izy ka nitsangana teo anilan' ny kodia. **7** Ary ny kerobima anankiray naninjitra ny tànany avy teo anelanelan' ny kerobima, tamin' ny afo Izay teo anelanelan' ny kerobima, dia nangalany ka nataony teny amin' ny tànan-droan' ilay nitafy rongony fotsy; ary rehefa nandray izany ralehilahy, dia nivoaka. **8** Ary nisy nitarehin-tànan' olona niseho teo ambanin' ny elatry ny kerobima. **9** Ary hitako fa, indreo, nisy kodia efatra teo anilan' ny kerobima, dia kodia iray avy teo anilan' ny isan-kerobima; ary ny tarehin' ny kodia dia toy ny volon' ny vato krysolita. **10** Ary izy efatra dia nitovy tarehy, toy ny kodia anatin' ny kodia. **11** Raha nandeha izy, dia nandeha tamin' ny hitsin' ny lafiny efatra; tsy niherika izy raha nandeha, fa tamin' ny hitsin' izay natrehin' ny lohany ihany no nalehany; tsy niherika izy raha nandeha. **12** Ary feno maso manodidina ny tenany rehetra sy ny lamosiny sy ny tànany sy ny elany mbamin' ny kodia; izy efatra dia samy nisy kodia avokoa. **13** Ny amin' ny kodia dia reko nisy niantso azy hoe: Ry kodia! **14** Ary samy nanana tarehy efatra avy izy: ny tarehin' ny voalohany dia nitarehin-kerobima, ary ny tarehin' ny faharoa dia nitarehin' olona, ary ny fahatelo nitarehin-diona, ary ny fahefatra nitarehim-boromahery. **15** Ary niakatra ny kerobima. Izany dia ilay zava-manan' aina hitako teo amoron' ny ony Kebara ihany. **16** Ary raha nandeha ny kerobima, dia mba nandeha teo anilany koa ny kodia; ary raha nasandratry ny kerobima ny elany hiainga tsy hipaka amin' ny tany, dia tsy nisaraka taminy koa ny kodia. **17** Raha nijanona izy, dia mba nijanona koa ireo, ary raha niainga izy, dia mba niainga koa ireo: fa ny fanahin' ny zava-

manan' aina no tao aminy. **18** Dia niala avy teo ambonin' ny tokonambaravaran' ny trano ny voninahitr' i Jehovah ka nijanona teo ambonin' ny kerobima. **19** Ary nasandratry ny kerobima ny elany, ka niainga tsy nipaka tamin' ny tany teo imasoko izy, raha nivoaka, ary teo anilany ny kodia ary samy nijanona teo anoloan' ny vavahady atsinanana amin' ny tranon' i Jehovah izy ireo; ary ny voninahitr' Andriamanitry ny Isiraely no teo amboniny. **20** Izany dia ilay zava-manan' aina hitako teo ambanin' Andriamanitry ny Isiraely teo amoron' ny ony Kebara; ary fantatro fa kerobima ireo. **21** Samy nanana tarehy efatra avy izy, sady samy nanana elatra efatra avy koa; ary nisy nitarehin-tànan' olona teo ambanin' ny elany. **22** Ary ny endriky ny tarehiny dia nitovy tamin' ilay efa hitako teo amoron' ny ony Kebara ihany, dia ny endriny sy ny tenany; ary ny hitsin' ny tavany no nalehany.

11 Ary nisy fanahy nanainga ahy koa, dia nitondra ahy ho eo amin' ny vavahady atsinanana amin' ny tranon' i Jehovah, dia ilay manatrika ny atsinanana; ary, indreo, nisy olona dimy amby roa-polo lahy teo anoloan' ny vavahady; dia hitako teo amin' ireo Jazania, zanak' i Azora, sy Pelatia, zanak' i Benaia, lehiben' ny vahoaka. **2** Dia hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, ireo no lehilahy izay mamoron-tsain-dratsy sady manolo-tsain-dratsy eto amin' ity tanàna ity, **3** dia izay manao hoe: Mbola lavitra ny hanaovana trano; ity tanàna ity no vilany, ary isika no hena; **4** ka dia maminania hamely azy, eny, maminania, ry zanak' olona. **5** Ary tonga tao amiko ny Fanahin' i Jehovah, ka hoy Izy tamiko: Lazao hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Izany no fiteninareo, ry taranak' Isiraely, ary fantatro izay rehetra ao an-tsainareo. **6** Hianareo efa nahamaro ny voavononareo teto amin' ity tanàna ity, ary ny lalambeny efa nofenoinareo faty. **7** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ny voavononareo, izay nataonareo tao aminy, no hena, ary ity tanàna ity no vilany; nefa havoaka avy ao aminy ianareo. **8** Natahotra ny sabatra ianareo; nefa hataoko mahatratra anareo ihany ny sabatra, hoy Jehovah Tompo. **9** Ary havoakako avy ato aminy ianareo ka hatolotro ho eny an-tànan' ny hafa firenena, ary hanao fitsarana aminareo Aho. **10** Ho lavon' ny sabatra ianareo; any amin' ny sisin-tanin' ny Isiraely no hitsarako anareo, ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **11** Ity tanàna ity tsy ho vilaninareo, ary ianareo tsy ho hena ato anatiny; fa any amin' ny sisin-tanin' ny Isiraely no hitsarako anareo **12** ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah, satria tsy nandeha araka ny lalàko ianareo na nanaraka ny fitsipiko, fa araka ny fitsipiky ny jentilisa izay manodidina anareo ihany no nataonareo. **13** Ary raha mbola naminany aho, dia maty Pelatia, zanak' i Benaia. Dia niankohoka aho ka nitaraina tamin' ny feo mahery nanao hoe: Indrisy! Jehovah Tompo ô, holevoninao va ny hany sisa amin' ny Isiraely? **14** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **15** Ry zanak' olona, ny rahalahinao, eny, ny rahalahinao no andraikitrao, dia ny taranak' Isiraely rehetra, izay nitenenan' ny mponina any Jerosalema hoe: Manalavira an' i Jehovah; izahay no nomena ity tany ity ho lova. **16** Koa lazao hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Na dia nampandehaniko lavitra any amin' ny jentilisa aza izy ka naeliko tany amin' ny tany maro, dia ho fitoerana masìna ho azy vetivety Aho any amin' ny tany izay alehany. **17** Koa lazao hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Hovoriko avy any amin' ny firenena ianareo, ary hangoniko avy any amin' ny tany izay nampielezana anareo, ka homeko ny tanin' ny Isiraely ianareo. **18** Ary ho tonga ao izy ka hanaisotra ny zava-dratsiny rehetra sy ny fahavetavetany rehetra. **19** Dia homeko fo iray izy, ary hasiako fanahy vaovao ao anatinareo; ary hesoriko amin' ny nofony ny fo vato, ka homeko fo nofo izy, **20** mba handehanany araka ny didiko sy hitandremany ny fitsipiko ka hanarahany izany, ary izy dia ho oloko, ary Izaho ho Andriamaniny. **21** Fa ny amin' izay manana fo manina ny zava-dratsiny sy ny fahavetavetany, dia hatsingeriko ho eo an-dohany ihany ny nataony, hoy Jehovah Tompo. **22** Dia nasandratry ny kerobima ny elany sy ny kodia teo anilany; ary ny voninahitr' Andriamanitry ny Isiraely no teo amboniny. **23** Ary ny voninahitr' i Jehovah niakatra niala tao amin' ny tanàna ka nijanona teo an-tampon' ny tendrombohitra atsinanan' ny tanàna. **24** Dia nisy fanahy nanainga ahy tamin' ny fahitana, dia tamin' ny Fanahin' Andriamanitra, ka nitondra ahy ho any Kaldea ho any amin' ny babo. Dia niakatra niala tamiko ny fahitana izay efa hitako. **25** Ary nolazaiko tamin' ny babo ny teny rehetra izay nasehon' i Jehovah ahy.

12 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, ianao monina eto amin' ny taranaka maditra, izay mana-maso hahitana, nefa tsy mahita, ary manan-tsofina handrenesana, nefa tsy mandre fa taranaka maditra izy. **3** Koa ianao, ry zanak' olona, mifeheza entana handeha hifindra ho any amin' ny fahababoana, ka miaingà antoandro eo imasony; ary mialà eo imasony eo amin' izay itoeranao ho any amin' ny fitoerana hafa; angamba mba ho fantany fa taranaka maditra izy. **4** Dia havoakanao antoandro eo imasony ny entanao, toy ny entan' ny olona handeha ho any amin' ny fahababoana; fa ny tenanao kosa dia hivoaka hariva eo imasony toy ny fivoaky ny handeha ho any amin' ny fahababoana. **5** Boroboahy eo imasony ny manda, ka ao no amoahy ny entanao. **6** Ataovy an-tsoroka eo imasony no fitondranao azy, ka ento mivoaka, rehefa maizina dia maizina ny andro; sarony ny tavanao mba tsy hahitanao ny tany; fa efa nataoko ho famantarana mahagaga ho an' ny taranak' Isiraely ianao. **7** Dia nanao araka izay efa nandidiana ahy aho, ka nentiko nivoaka antoandro ny entako, toy py entan' ny olona handeha ho any amin' ny fahababoana, ary nony hariva dia noboroboahako tamin' ny tanako ny manda, ka nony efa maizina dia maizina ny andro, dia nentiko nivoaka izany ka teny an-tsoroka no nitondrako azy teo imasony. **8** Ary nony maraina dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **9** Ry zanak' olona, moa ny taranak' Isiraely, izay taranaka maditra, tsy manontany aminao hoe va: Inona izao ataonao izao? **10** Ambarao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ity faminaniana ny loza ity dia ho amin' ny mpanjakan' i Jerosalema sy ny taranak' Isiraely rehetra izay ao aminy. **11** Lazao hoe: Izaho dia famantarana mahagaga

ho anareo, koa tahaka izay ataoko no hatao amin' ireo; hifindra sy ho lasan-ko babo izy. **12** Ary ny mpanjaka, izay ao aminy dia hitondra ny entany eny an-tsorony nony efa maizina dia maizina ny andro ka hivoaka; hoboroboahan' ny olona ny manda hamoahana azy; hanarona ny tavany izy mba tsy ho hitan' ny masony ny tany. **13** Ary ny fandrika haratoko dia hovelariko aminy, ka ho voan' ny fandrika izy; dia ho entiko any Babylona any amin' ny tanin' ny Kaldeana izy, ary tsy hahita izany, nefa ho faty any ihany. **14** Ary izay rehetra manodidina azy, dia ny mpanampy azy sy ny miaramilany rehetra, haeliko ho amin' ny rivotra rehetra, sady hanatsoaka sabatra ho enti-manenjika azy Aho. **15** Ary dia ho fantany fa Izaho no Jehovah, raha ahahako any amin' ny jentilisa sy ampieleziko any amin' ny tany samy hafa izy. **16** Nefa hamelako olom-bitsy ihany izy ho sisa tsy ho ringan' ny sabatra sy ny mosary sy ny aretimandringana, mba hisy hitantara ny fahavetavetany rehetra any amin' ny jentilisa izay alehany; ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah. **17** Tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **18** Ry zanak' olona, hano amin-korohoro ny haninao, ary sotroy amin-kovitra sy amin' ahiahy ny ranonao. **19** Ary lazao amin' ny vahoaka hoe Izao no lazain' i Jehovah Tompo ny amin' ny mponina ao Jerosalema, ao amin' ny tanin' ny Isiraely: Amin' ahiahy no hihinanany ny haniny, ary amim-pahatalanjonana no hisotroany ny ranony, mba ho foana mihitsy ny tany, ka tsy hisy na inona na inona ao, noho ny fandozan' izay rehetra monina ao aminy. **20** Dia ho rava ny tanàna onenana, ary ho lao ny tany; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **21** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **22** Ry zanak' olona, ahoana moa, izao fitenenana ataonareo ao amin' ny tanin' ny Isiraely izao hoe: Mihaela ny andro, ary tonga tsinontsinona ny fahitana rehetra? **23** Koa lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Hatsahatro izany fitenenana izany ka tsy hatao fiteny ao amin' ny Isiraely intsony; fa lazao aminy kosa hoe: Akaiky ny andro sy ny tenin' ny fahitana rehetra. **24** Fa tsy hisy fahitana foana intsony na faminaniana mandrobo ao amin' ny taranak' Isiraely. **25** Fa Izaho no Jehovah; hiteny Aho, ary ny teny lazaiko dia ho tò tokoa; tsy hajanona ela intsony izany; fa ho amin' ny andronareo, ry taranaka maditra, no hilazako ny teny sy hanatanterahako azy, hoy Jehovah Tompo. **26** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **27** Ry zanak' olona, indro, ny taranak' Isiraely manao hoe: Mbola ho ela izany fahitana hitany izany, ary ny amin' ny fotoana mbola lavitra no vinaniny. **28** Koa lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tsy hisy hajanona ela intsony ny teniko; fa ny teny izay lazaiko dia hotanterahiko, hoy Jehovah Tompo.

13 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, maminania ny hamelezana ny mpaminanin' ny Isiraely izay maminany, ka lazao amin' izay maminany araka ny fony hoe: Mihainoa ny tenin' i Jehovah ianareo. **3** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Lozan' ny mpaminany adala, izay manaraka ny fanahiny sy ny zavatra tsy hitany. **4** Tahaka ny amboahaolo any antanàna haolo ny mpaminaninao, ry Isiraely. **5** Tsy niakatra ho eo amin' ny banga ianareo, sady tsy nanao manda hiarovana ny taranak' Isiraely mba hifaharany amin' ny ady amin' ny andron' i Jehovah. **6** Mahita zava-poana sy faminaniana lainga ireo izay manao hoe: Hoy Jehovah, nefa tsy nirahin' i Jehovah izy tsinona, hahazoany manantena ny hahatòvan' ny teny **7** Moa tsy fahitana tsy izy no hitanareo, ary faminaniana lainga no lazainareo, raha hoy ianareo: Jehovah no nilaza izany; kanefa tsy nilaza izany Aho tsinona? **8** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nilazanareo anoano foana sy ny nahitanareo lainga, dia, indro, hamely anareo Aho, hoy Jehovah Tompo. **9** Ary ny tanako no hamely ny mpaminany izay mahita anoano foana sy maminany lainga; tsy ho isan' ny mpanolo-tsainan' ny oloko na ho voasoratra amin' ny bokin' ny taranak' Isiraely izy sady tsy hiditra ao amin' ny tanin' ny Isiraely; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Tompo. **10** Noho ny nampiviliany ny oloko tamin' ny nanaovany hoe: Fiadanana, kanjo tsy nisy fiadanana tsinona; ary raha manao ampiantany ny oloko, dia, indreo, izy no mandalotra azy amin' ny feta tsy madity, **11** koa lazao amin' izay mandalotra azy amin' ny feta tsy madity fa hirodana izy; hisy ranonorana mifafy; eny, milatsaha ianareo, ry havandra vaventy; ary mifofofofoa ianareo, ry tafiodrivotra. **12** Indro, raha mirodana ny ampiantany, tsy holazaina aminareo hoe va: Aiza ny lalotra izay nandaloranareo azy? **13** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Hampifofofofo ny tafio-drivotra amin' ny fahatezerako Aho; ary hisy ranonorana mifafy amin' ny fahatezerako sy havandra vaventy amin' ny fahavinirako hahafongana azy. **14** Dia harodako ny ampiantany izay nolalorinareo tamin' ny feta tsy madity, ka ho fongotra hatramin' ny tany izy, ary hiseho ny fanambaniny; eny, hirodana izy, ka haringana ao anatiny ianareo; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **15** Dia hotanterahiko amin' ny ampiantany sy izay mandalotra azy amin' ny feta tsy madity ny fahatezerako, ary holazaiko aminareo hoe: Tsy misy intsony ny manda sy izay mpandalotra azy, **16** dia ny mpaminanin' ny Isiraely izay maminany ny amin' i Jerosalema sy izay mahita fahitana fiadanana ho azy, kanjo tsy misy fiadanarla tsinona, hoy Jehovah Tompo. **17** Koa ianao, ry zanak' olona, handrino mafy ny zanakavavin' ny firenenao, izay manao faminaniana araka ny fony, ary maminania ny hamelezana azy, **18** ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Lozan' ny vehivavy rehetra izay manjaitra fono ho ao amin' ny famavanin' ny tanana rehetra, ary manao fisaronana antonona amin' ny loha samy hafa rehetra mba hihaza fanahy! Ny fanahin' ny oloko dia hazainareo, nefa ny fanahinareo kosa velominareo! **19** Ary manamavo Ahy ao amin' ny oloko ianareo noho ny vary hordea eran-tànan-ila sy ny sombi-mofo, mba hahafaty ny fanahy izay tsy tokony ho faty ary hahavelona ny fanahy izay tsy tokony hovelomina, amin' ny andainganareo amin' ny oloko izay mihaino ny lainganareo. **20** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hosimbako ny fononareo, izay entinareo hihaza ny fanahy any, mba hahafahan' ireny hanidina, eny, hotriariko hiala amin' ny sandrinareo izy, ka halefako hanidina ny fanahy izay nohazainareo. **21**

Hotriariko koa ny fisaronanareo, ka hovonjeko ho afaka amin' ny tananareo ny oloko, dia tsy ho azon' ny tananareo ho haza intsony izy; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **22** Satria lainga no entinareo mampalahelo ny fon' ny marina, izay tsy nampalaheloviko, sady entinareo manatanjaka ny tanan' ny ratsy fanahy, tsy hialany amin' ny lalan-dratsiny mba hamelomana azy, **23** dia tsy hahita anoano foana na hanao faminaniana intsony ianareo; fa hovonjeko ho afaka amin' ny tananareo ny oloko; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah.

14 Dia nisy loholon' ny Isiraely tonga tao amiko ka nipetraka teo anoloako. **2** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **3** Ry zanak' olona, ireto olona ireto efa nampiorina ny sampiny ao am-pony, ary ny fahatafintohinana mahameloka azy dia apetrany eo anoloany. Moa hety hanontanian' ireto va Aho? **4** Koa mitenena aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ny amin' ny olona rehetra amin' ny taranak' Isiraely izay mampiorina ny sampiny ao am-pony ary mametraka ny fahatafintohinana mahameloka azy eo anoloany ary manatona ny mpaminany, Izaho Jehovah no hamaly azy araka ny habetsaky ny sampiny, **5** mba hisamborako ny taranak' Isiraely amin' ny fony, satria efa nihemotra niala tamiko izy rehetra noho ny sampiny. **6** Koa ataovy amin' ny taranak' Isiraely hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Mibebaha, dia miambohoa ny sampinareo sy ny fahavetavetanareo rehetra; eny, miambohoa ireny. **7** Fa na iza na iza amin' ny taranak' Isiraely, na amin' ny vahiny izay mivahiny eo amin' ny Isiraely, no misaraka amiko ka mampiorina ny sampiny ao am-pony ary mametraka ny fahatafintohinana mahameloka azy eo anoloany sady manatona ny mpaminany hanontany amiko, dia Izaho Jehovah ihany no hamaly azy araka izay toetro; **8** ary hanandrina izany olona izany ny tavako, ka hataoko mahita loza izy mba ho famantarana sy ho ohabolana, ary hofongorako tsy ho eo amin' ny oloko izy; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **9** Ary raha misy voataona ny mpaminany ka milaza zavatra, dia Izaho Jehovah no nitaona izany mpaminany izany; ary hahinjitro aminy ny tanako, ka hofongorako tsy ho eo amin' ny Isiraely oloko izy. **10** Ary hitondra ny heloky ny tenany izy; ny heloky ny mpaminany dia hitovy amin' ny helok' izay manontany aminy koa, **11** mba tsy hialan' ny taranak' Isiraely amiko intsony, ary tsy handotoany ny tenany intsony amin' ny fahadisoany rehetra; fa ho oloko izy, ary Izaho ho Andriamaniny, hoy Jehovah Tompo. **12** Ary tonga tamiko indray ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **13** Ry zanak' olona, raha misy tany manota amiko ka manao izay mahadiso, ary ahinjitro aminy ny tanako, ka tapahiko ny mofo, tohan' ainy, sady andefasako mosary, ary aringako avokoa ny olona sy ny biby, **14** na dia ao aza ireto telo lahy ireto, dia Noa sy Daniela ary Joba, dia ny tenany ihany no ho voavonjiny noho ny fahamarinany, hoy Jehovah Tompo. **15** Raha mampandeha biby masiaka eo amin' ny tany Aho, ka mandringana ny zana-bahoaka ireny, ary lao ny tany ka tsy azon' olona aleha noho ny biby, **16** na dia ao aza ireo telo lahy ireo, raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, tsy hahavonjy ny zananilahy na ny zananivavy izy; fa ny tenany ihany no ho voavonjy, fa ny tany kosa ho lao. **17** Ary raha mitondra sabatra mamely izany tany izany Aho ka manao hoe: Aoka hotetezin-tsabatra ny tany, ka hofongorako izy, na ny olona na ny biby, **18** na dia ao aza ireo telo lahy ireo, raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy hahavonjy ny zananilahy na ny zananivavy ireo; fa ny tenany ihany no ho voavonjy. **19** Ary raha mandefa ared-mandringana mamely izany tany izany Aho, sady aidiko aminy ny fahatezerako, dia amin' ny fandatsahan-drà mba haharingana ny olona sy ny biby ao aminy, **20** na dia ao aza Noa sy Daniela ary Joba, raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy hahavonjy ny zananilahy na ny zananivavy ireo, fa ny tenany ihany no ho voavonjiny noho ny fahamarinany. **21** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Koa mainka raha alefako hamely an' i Jerosalema izao fitsarako efatra mandoza izao, dia ny sabatra sy ny mosary sy ny biby masiaka ary ny areti-mandringana, mba hahafongotra azy, na olona na biby! **22** Kanefa, indro, hisy sisa afaka ihany izy ho entina mivoaka, dia ny zanakalahy sy ny zanakavavy; indro, hivoaka ho any aminareo ireo, ka ho hitanareo ny alehany sy ny ataony, dia hionona ianareo noho ny amin' ny loza rehetra izay nataoko mihatra amin' i Jerosalema, dia izay rehetra nataoko mihatra aminy. **23** Eny, hampionona anareo ireo, rehefa hitanareo ny alehany sy ny ataony; ka dia ho fantatrareo fa tsy nataotaoko foana izay rehetra nataoko taminy, hoy Jehovah Tompo.

15 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, inona no ihoaran' ny tahom-boaloboka noho ny hazo rehetra, dia ny sakeli-boaloboka izay isan' ny hazo any an' ala? **3** Moa mba fangalan-kazo hatao zavatra akory va izy, na mba fangalana fihantonan-javatra? **4** Indro, hatsipy any anaty afo hataina izy; ny laniny roa ho levon' ny afo, ary ny tenatenany ho may. Ka moa azo atao zavatra akory va izy? **5** Indro, fony izy tsy mbola nahafahana aza, dia tsy azo natao zavatra, koa mainka fa rehefa levon' ny afo sy may izy? **6** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Toy ny tahom-boaloboka amin' ny hazo any an' ala, izay natolotro hataina, dia toy izany no hanolorako ny mponina any Jerosalema. **7** Ary hanandrina azy ny tavako; hiala avy amin' ny afo izy nefa ho levon' ny afo hafa indray; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah, raha manandrina azy ny tavako. **8** Ary hataoko lao ny tany noho ny nivadihany tamiko, hoy Jehovah Tompo.

16 Tonga tamiko indray ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, ampahafantaro an' i Jerosalema ny fahavetavetany, **3** ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo amin' i Jerosalema: Ny tany Kanana no nahaterahanao sy nahabe anao; Amorita no rainao, ary Hetita no reninao. **4** Ary ny amin' ny nahaterahanao, dia tsy voatapaka akory ny tadim-poitrao tamin' ny andro nahaterahanao, ary tsy voampandro tamin' ny rano ianao, na voahosotra sira, na voahodidina lamban-jaza akory. **5** Tsy nisy maso niantra anao hanao izany aminao, na dia iray akory amin' ireo zavatra ireo aza, mba hamindra fo

aminao; fa nariana tany an-tsaha ianao, satria natao ho zava-maharikoriko ianao tamin' ny andro nahaterahanao. **6** Ary raha nandalo Aho ka nahita anao nihosinkosina teo amin' ny rànao, dia hoy Izaho taminao, raha mbola tamin' ny rànao ianao: Ho velona anie ianao; eny, hoy Izaho taminao, raha mbola tamin' ny rànao ianao: Ho velona anie ianao. **7** Efa nataoko alinalina, toy ny zava-maniry any an-tsaha, ny isanao, ka nitombo sy nihalehibe ary tonga tsara tarehy tokoa ianao; naniry nono ianao sady naniry volo, nefa mbola nitanjaka sy nihanjahanja ihany **8** Ary raha nandalo Aho ka nijery anao, dia hitako fa izay no fotoanao, dia ny fotoam-pitiavana: ary narakotro anao ny lambako, ka nosaronako ny fitanjahanao; eny, nianiana taminao Aho ka nanao fanekena taminao, hoy Jehovah Tompo, ka dia efa Ahy ianao. **9** Dia nampandroiko rano ianao, eny, nosasako tsara ho afaka tamin' ny rànao, dia nohosorako diloilo. **10** Notafiako lamba misoratsoratra koa ianao sy nokiraroako hoditakasy, ary nampisikiniko rongony fotsy madinika sy notafiako amparasily. **11** Noravahako firavaka koa ianao, ka nasiako haba ny tananao ary rojo ny vozonao **12** Ary nasiako kavina ny oronao sy ny sofinao ary satro-boninahitra tsara tarehy ny lohanao, **13** ka dia niravaka volamena sy volafotsy ianao, ary rongony fotsy madinika sy amparasily ary lamba misoratsoratra ny fitafianao; koba tsara toto sy tantely ary diloilo no fihinanao; ary efa nihatsara tarehy dia nihatsara tarehy ianao sady nambinina ho miendrik' andriana **14** Ary dia niely tany amin' ny jentilisa aza ny lazanao noho ny hatsaran-tarehinao; fa tanteraka izany noho ny voninahitro izay nataoko taminao, hoy Jehovah Tompo. **15** kanjo natoky ny hatsaran-tarehinao ianao ka nijangajanga noho ny lazanao sady nanaram-po nijangajanga tamin' ny mpandalo rehetra, ka nafoy ho azy izany **16** Ary nangalanao ny fitafianao, dia nanaovanao fitoerana avo ho anao ka noravahanao sora-damba, ka nijangajanga teo aminy ianao; dia zavatra izay tsy tokony hiseho na hisy akory. **17** Ary nalainao koa ny firavakao tamin' ny volamenako sy ny volafotsiko, izay nomeko anao, dia nataonao sarin-dehilahy ho anao ka nijangajanganao; **18** nalainao koa ny fitafianao misoratsoratra ka natatinao ireo; ary ny diloiloko sy ny ditin-kazo manitro dia napetrakao teo anoloany **19** Ary ny haniko izay nomeko anao koa, dia ny koba tsara toto sy ny diloilo ary ny tantely, izay nafahako anao, dia napetrakao teo anoloan' ireo ho hanitra ankasitrahana; teo tokoa izany, hoy Jehovah Tompo. **20** Ary nentinao ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy, izay naterakao ho Ahy, dia novonoinao ho fanatitra ho an' ireo mba hohanina. Moa zavatra kely va izany fijangajanganao izany? **21** Ary novonoinao ny zanakao, fa natolotrao ka nampandehaninao namaky ny afo ho an' ireo. **22** Ary tamin' ny fahavetavetanao sy ny fijangajanganao rehetra dia tsy nahatsiaro ny andro fahakelezanao ianao, fony ianao nitanjaka sy nihanjahanja sady nihosinkosina teo amin' ny rànao. **23** Ary rehefa vitanao izany faharatsianao rehetra izany (lozanao! lozanao! hoy Jehovah Tompo), **24** dia nanao trano fijangajangana ho anao ianao sady nanao fitoerana avo ho anao teny an-kalalahana rehetra teny. **25** Ary teny an-tsampanan-dalana rehetra no nanaovanao ny fitoerana avonao, ary novetavetainao ny hatsaran-tarehinao, ka nabahanao ho amin' ny mpandalo rehetra ny tongotrao, ary nampitomboinao ny fijangajanganao. **26** Hianao efa nijangajanga tamin' ny zanak' i Egypta be nofo izay mifanila fonenana aminao; ary nampitomboinao ny fijangajanganao ka nampahatezitra Ahy. **27** Ary, indro, nahinjitro taminao ny tanako, ka nahenako ny anjara-haninao, ary natolotro ho amin' ny sitrapon' izay mankahala anao ianao, dia ny zanakavavin' ny Filistina, izay menatra noho ny fahavetavetana fanaonao. **28** Ary nijangajanga tamin' ny zanak' i Asyria koa ianao noho ny tsi-fahafaham-ponao; eny, nijangajanga taminy ianao, nefa mbola tsy afa-po ihany. **29** Ary mbola nampandrosoinao ihany ny fijangajanganao hatrany amin' ny tanin' ny mpandranto. Dia hatrany Kaldea; fa na tia tamin' izany aza dia mbola tsy afa-po ihany ianao. **30** Akory ny fahamaimain' ny fonao! hoy Jehovah Tompo, tamin' ny nanaovanao ireo rehetra ireo, dia ny fanaon' ny janga tsivalahara! **31** Tamin' ny nanaovanao ny trano fijangajanganao teny an-tsampanan-dalana rehetra sy ny nanaovanao ny fitoerana avonao teny an-kalalahana rehetra dia tsy mba tahaka ny vehivavy janga ianao, satria tsy nahoanao akory izay tangy. **32** Ny vadin' olona mijangajanga dia maka olon-kafa ho solon' ny vadiny! **33** Sy vehivavy janga rehetra dia omen-tangy; fa ianao kosa manangy ireo lehilahinao rehetra sady manome azy fanambatambazana hanatonan' ny ny manodidina rehetra anao mba hijangajangany aminao. **34** Ary hafa noho ny amin' ny vehivavy sasany mihitsy ny fanaonao tamin' ny fijangajanganao, fa tsy nisy nanaraka anao hijangajanga taminao; eny, satria nanome tangy ianao, fa tsy mba nomena, dia izany indrindra no mahahafa anao **35** Koa mihainoa ny tenin' i Jehovah, ry kala janga: **36** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nandanianao volabe sy ny nampisehoana ny fitanjahanao tamin' ny nijangajanganao tamin' ireny lehilahinao sy ny sampinao rehetra, izay fahavetavetanao, ary noho ny ran' ny zanakao izay naterinao ho an' ireo. **37** dia, indro, hovoriko ireny lehilahinao rehetra ireny, izay mankamany anao sy izay tianao rehetra mbamin' ireny rehetra izay halanao koa, eny hovoriko avy amin' ny manodidina ireny mba hamely anao, ka hampisehoiko aminy ny fitanjahanao, dia hahita ny fitanjahanao rehetra izy; **38** ary hotsaraiko ianao araka ny fitsara vehivavy mijangajanga sy izay mandatsa-drà, ka halatsako ny rànao noho ny fahatezerana sy ny fahasaro-piaro. **39** Dia hatolotro ho eny an-tànan' ireny ianao, ka harodany ny trano fijangajanganao, ary horavany ny fitoerana avonao; dia hendahany koa ny fitafianao, ary hesoriny ny firavakao soa, ka havelany hitanjaka sy hiboridana ianao. **40** Dia hitondra vahoaka maro be hiakatra hamely anao koa izy ka hotorahany vato sady hotetitetehiny amin' ny sabany ianao. **41** Ary hodorany amin' ny afo ny tranonao, ka hotanterahiny eo imason' ny vehivavy maro ny famaliana anao ary hatsahatro tsy hijangajanga ianao ka tsy hanangy intsony. **42** Toy izany no hialako fo aminao, ary ho afaka ny fahasaro-piaroko aminao, dia hionona Aho ka tsy ho tezitra intsony. **43** Noho ny tsy nahatsiarovanao ny andro fahakelezanao, fa niempo nanohitra Ahy tamin' ireo rehetra

ireo ianao, dia; indro, ny nataonao ihany no hatsingeriko ho eo an-dohanao, hoy Jehovah Tompo. Ary tsy nanao izany ratsy izany ho fanampin' ny fahavetavetanao rehetra va ianao? **44** Indro, ny mpanao ohabolana rehetra dia hamely anao amin' izao ohabolana izao hoe: Manahaka andreniny ihany ny zananivavy. **45** Hianao dia zanakavavindreninao, izay mahafoy ny vadiny aman-janany; ary ianao dia rahavavin' ireo rahavavinao, izay nahafoy ny vadiny aman-janany; Hetita no reninareo, ary Amorita no rainareo. **46** Samaria no zokinao-vavy, dia izy sy ny zananivavy izay monina eo an-kavianao; ary ny zandrinao vavy, izay monina amin' ny an-kavananao, dia Sodoma sy ny zananivavy. **47** Nefa tsy araka ny alehan' ireo ihany no nalehanao, ary tsy araka ny fahavetavetan' ireo ihany no nataonao; fa hoatra ny zavatra kely loatra izany, ka dia nanao ratsy mihoatra noho ireo indray ianao tamin' ny nalehanao rehetra. **48** Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, na dia Sodoma rahavavinao sy ny zananivavy aza tsy mba nanao tahaka ny nataonao sy ny zanakaovavy. **49** Indro, izao no helok' i Sodoma rahavavinao: Avonavona sy fahabetsahan-kanina ary fahatokiam-poana no tao aminy sy tao amin' ny zananivavy, ary tsy mba nitantana ny malahelo sy ny mahantra izy. **50** Niavonavona izy ka nanao fahavetavetana teo anatrehako; ary nony nahita izany Aho, dia nanaisotra azy. **51** Ary tsy ampy antsasaky ny fahotanao ny nataon' i Samaria; fa ianao efa nampitombo ny fahavetavetanao mihoatra noho izy, ary nampiseho ny rahavavinao ho toa marina indray tamin' ny fahavetave-tanao rehetra izay nataonao. **52** Hianao koa dia aoka hitondra ny henatrao araka ny efa nitsaranao ny rahavavinao. Noho ny fahotanao izay nahatonga anao ho vetaveta mihoatra noho ireo, ka dia miseho ho toa marina noho ianao izy, eny, menara koa ianao, ka mitondrà ny henatrao noho ny nampisehoanao ny rahavavinao ho toa marina. **53** Ary hampodiko avy amin' ny fahababoana ireny, dia Sodoma sy ny zananivavy, ary Samaria sy ny zananivavy mbamin' izay olonao voababo, **54** mba hitondranao ny henatrao sy hangaihaizanao noho izay rehetra nataonao amin' ny hampiononanao azy. **55** Ary ny rahavavinao, dia Sodoma sy ny zananivavy, dia hody amin' ny toetrany taloha, ary Samaria sy ny zananivavy dia hody amin' ny toetrany taloha, ary ianao sy ny zanakaovavy dia hody amin' ny toetrareo taloha koa. **56** Nefa tsy mbola mba notononin' ny vavanao akory ny nanjo an' i Sodoma rahavavinao tamin' ny andro niavonavonanao, **57** fony tsy mbola niseho ny faharatsianao, toy ny tamin' ny andro nandatsan' ny zanakavavin' i Syria sy izay rehetra manodidina azy ary ny zanakavavin' ny Filistina, izay namingavinga anao manodidina. **58** Ny faharatsianao sy ny fahavetavetanao no ho entinao, hoy Jehovah. **59** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Araka ny nataonao ihany no hataoko aminao, izay namingavinga ny fianianana ka nivadika ny fanekena. **60** Nefa hotsarovako ny fanekena nataoko taminao, tamin' ny andro fahakelezanao, ka hanorina fanekena mandrakizay aminao Aho. **61** Dia hotsarovanao ny nalehanao, ka ho menatra ianao, raha mandray ireo rahavavinao, dia ny zokinao sy ny zandrinao; ka homeko ho zanakao-vavy ireo, na dia tsy mba isan' ilay nanaovako fanekena taminao aza. **62** Izaho hanorina ny fanekeko aminao, ka dia ho fantatrao fa Izaho no Jehovah, **63** mba hahatsiarovanao sy hangaihainao ary tsy hiloahanao vava intsony noho ny henatrao, raha mamela ny helokao ny amin' ny nataonao rehetra Aho, hoy Jehovah Tompo.

17 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, manaova fampanonona, ary milazà fanoharana amin' ny taranak' Isiraely, **3** ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Nisy voromahery lehibe nanana elatra lehibe, sady lava ny volon' elany, ary nisoratsoratra avokoa ny volony rehetra; dia tonga tao Libanona izy ka naka izay avo indrindra amin' ny rantsan' ny sedera; **4** ny tendron' ny tarony dia nolaingosany ka nentiny ho any amin' ny tany fandrantoana; eny, tao an-tanànan' ny mpandranto no namboleny azy. **5** Nangalany koa ny voan-javatra tamin' ny tany ka namboleny tao amin' ny tany lonaka; nentiny ho eo amoron' ny rano be iny ka nataony araka ny fanao amin' ny hazomalahelo. **6** Dia naniry iny ka tonga voaloboka iva misandrahaka, mba hitodihan' ny rantsany ho eo aminy ary ny fakany ho ao ambaniny; ka dia tonga voaloboka izy ka nandrantsana sy nanaroka. **7** Ary nisy voromahery lehibe hafa koa nanana elatra lehibe sady be volo, ary, indro, manina azy izany voaloboka izany ka nampanatona ny fakany hankany aminy sady nampanaroka ny rantsany avy tamin' ny tany voafaritra nambolena azy mba hankany aminy koa mba holemany. **8** Voavoly tao amin' ny saha tsara teo amoron' ny rano be izy mba handrantsana sy hamoa ka ho voaloboka tsara indrindra. **9** Ataovinao hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ho vanona va izy? Tsy hongotana va ny fakany, ary hotazana ny voany, mba halazo izy? Halazo ny raviny rehetra, raha vao mitsimoka, ka na dia ny sandry mahery sy ny vahoaka betsaka aza tsy hahay mampaniry azy avy amin' ny fakany intsony. **10** Koa, indro, na dia voavoly aza izy, moa ho vanona va? Tsy halazo tokoa va izy, raha asian' ny rivotra avy any atsinanana? Eny, halazo eo amin' ny tany voafaritra naniriany izy. **11** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **12** Lazao amin' ny taranaka maditra hoe: Tsy fantatrareo va ny hevitr' ireto zavatra ireto? Lazao aminy hoe: Indro, efa tonga tany Jerosalema ny mpanjakan' i Babylona ka naka ny mpanjaka sy ny mpanapaka tao, dia nitondra azy ho any aminy any Babylona. **13** Ary naka ny anankiray tamin' ny taranaky ny mpanjaka izy, dia nanao fanekena taminy ka nampianiana azy, ary ny lehilahy mahery tamin' ny tany dia nentiny nandeha, **14** mba hietry ny fanjakana ka tsy hiarina, mba hotandremana ny fanekeny ka haharitra. **15** Fa niodina taminy izy ka naniraka olona hankany Egypta, mba hanome soavaly sy olona maro azy ireo. Moa hambinina va izy? Ho afa-mandositra va izay manao toy izany? Nivadika ny fanekena izy, ka ho afa-mandositra va? **16** Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia any amin' ny tanin' ilay mpanjaka nampanjaka azy sady nampianiana azy nefa nohamavoiny ny fianianana, ary nivadihany ny fanekeny eny, any amin' io, any Babylona, no hahafatesany. **17** Ary amin' ny hanandratan' ireo tovon-tany sy ny hanaovany

tilikambo handringanana olona maro, dia tsy hanampy azy amin' ny ady akory Farao, na dia manana miaramila maro sy vahoaka betsaka aza. **18** Fa efa nanamavo ny fianianana izy tamin' ny nivadihany ny fanekena, fa he! efa nanolotra ny tànany izy, kanjo nanao izany rehetra izany ihany, dia tsy ho afa-mandositra izy. **19** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Raha velona koa Aho, ny fampianianako izay nohamavoiny ary ny fanekeko izay nivadihany dia hatsingeriko ho eo an-dohany tokoa. **20** Ary ny fandrika haratoko dia hovelariko aminy, ka ho voan' ny fandriko izy, ary ho entiko any Babylona ka hotsaraiko any noho ny nivadihany tamiko. **21** Ary ny miaramilany rehetra izay afa-mandositra dia ho lavon' ny sabatra, ary izay sisa dia haely ho amin' ny rivotra rehetra, ka dia ho fantatrareo fa Izaho Jehovah no niteny izany. **22** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Izaho dia haka amin' ny rantsana avo indrindra amin' ny sedera avo, ka hamboleko izany; holaingosako ny tendron' ny laingony milenodenoka, ka hamboleko ao amin' ny tendrombohitra avo sy milangalanga izany. **23** Ao amin' ny tendrombohitra avon' ny Isiraely no hamboleko azy; ary handrantsana sy hamoa izy ka ho tonga sedera tsara indrindra, ary ny vorona samy hafa rehetra hitoetra ao aminy; ao amin' ny alokaloky ny rantsany no hitoerany. **24** Ary ho fantatry ny hazo rehetra any an-tsaha fa Izaho Jehovah no efa nanetry ny hazo avo ka nanandratra ny hazo iva ary nandazo ny hazo maitso ka nampaniry ny hazo maina; Izaho Jehovah no niteny sady nanao izany.

18 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Nahoana no manao izao ohabolana izao ao amin' ny tanin' ny Isiraely ianareo: Ny ray no mihinana voaloboka maharikivy, ka ny nifin' ny zanany no madilo? **3** Rana velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, tsy hisy hanaovanareo izany ohabolana izany ao amin' ny Isiraely intsony. **4** Indro, Ahy ny fanahy rehetra: toy ny fanahin' ny ray, dia toy izany koa ny fanahin' ny zanany; samy Ahy ireny; ny fanahy izay manota no ho faty. **5** Fa raha marina ny olona ka manao izay marina sy mahitsy, **6** fa tsy mihinana eny an-tendrombohitra, na manandratra ny masony ho amin' ny sampin' ny taranak' Isiraely, na mandoto ny vadin' ny namany, na manakaiky ny vehivavy izay mararin' ny fadimbolana, **7** na mampahory olona, fa mamerina ny natao tsatòka, ary tsy mandroba, fa manome ny haniny ho an' ny noana ary manafy lamba ny matanjaka, **8** tsy mampanàna vola, na maka tombony akory, fa miaro ny tanany tsy hanao ratsy ary manao fitsarana marina amin' ny miady, **9** ary mandeha araka ny lalàko sy ny mitandrina ny fitsipiko ka manao izay marina, dia marina izy ka ho velona tokoa, hoy i; Jehovah Tompo. **10** Fa raha miteraka zazalahy mpanao an-keriny sy mpandatsa-drà izy, ka manao na dia iray ihany amin' ireo zavatra ireo aza iny **11** (nefa tsy nanao ireo zavatra ireo akory ny tenany), na mihinana eny an-tendrombohitra, na mandoto ny vadin' ny namany, **12** na mampahory ny malahelo sy ny mahantra, na mandroba, na tsy mamerina ny natao tsatòka, na manandratra ny masony ho amin' ny sampy ka manao izay fahavetavetana, **13** na mampanana vola, na maka tombony moa ho velona va izy? Tsy ho velona izy; nanao ireo fahavetavetana rehetra ireo izy; ho faty tokoa izy, ary ny ràny dia ho aminy ihany. **14** Ary, indro, raha iny kosa indray miteraka zazalahy, izay mahita ny fahotana rehetra nataon-drainy, nefa nony mahita izany izy, dia tsy mba manao tahaka izany, **15** ka tsy mihinana eny an-tendrombohitra, na manandratra ny masony ho amin' ny sampin' ny taranak' Isiraely, na mandoto ny vadin' ny namany, **16** na mampahory olona, na maka tsatòka, na mandroba, fa manome ny haniny ho an' ny noana ary manafy lamba ny mitanjaka, **17** miaro ny tànany tsy hampahory ny mahantra, tsy mampanana vola, na maka tombony, fa manaraka ny fitsipiko sy mandeha araka ny lalàko, dia tsy ho faty noho ny helo-drainy izy; ho velona tokoa izy. **18** Ny amin' ny rainy, noho ny nanaovany an-keriny sy ny nandrobany ny rahalahiny ary ny nanaovany izay tsy mety tao amin' ny fireneny, dia, indro, ho faty noho ny helony izy. **19** Nefa, hoy ianareo: Nahoana moa ny zanaka no tsy mba hitondra ny helo-drainy? Raha ny zanaka manao izay marina sy mahitsy sy mitandrina ny didiko rehetra ka mankatò azy, dia ho velona tokoa izy. **20** Ny fanahy izay manota no ho faty. Ny zanaka tsy mba hitondra ny heloky ny rainy, ary ny ray tsy mba hitondra ny heloky ny zanany; ny fahamarinan' ny marina ho aminy ihany ary ny faharatsian' ny ratsy fanahy kosa ho aminy ihany. **21** Fa raha ny ratsy fanahy miala amin' ny fahotana rehetra izay nataony ka mitandrina ny didiko rehetra ary manao izay marina sy mahitsy, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty. **22** Ny fahadisoany rehetra izay nataony tsy hotsarovana aminy intsony; ho velona izy noho ny fahamarinana izay nataony. **23** Moa sitrako akory va ny fahafatesan' ny ratsy fanahy, hoy Jehovah Tompo, fa tsy ny hialany amin' ny alehany mba ho velona izy? **24** Fa raha ny marina no miala amin' ny fahamarinany ka manao meloka ary manaraka ny fahavetavetana rehetra izay nataon' ny ratsy fanahy, ho velona va izy? Ny fahamarinany rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana; noho ny fahadisoana izay nandisoany sy ny fahotana izay nanotany dia ho faty izy. **25** Nefa hoy ianareo: Tsy marina ny fitondran' ny Tompo. Mihainoa ange, ry taranak' Isiraely: Moa ny fitondrako va no tsy marina? Tsy ny fitondranareo va no tsy marina? **26** Raha ny marina miala amin' ny fahamarinany ary manao meloka ka maty amin' izany, dia maty noho ny heloka nataony ihany izy. **27** Ary raha ny ratsy fanahy miala amin' ny faharatsiana nataony ka manao izay marina sy mahitsy, dia hovelominy ny fanahiny. **28** Raha mahita izy ka miala amin' ny fahadisoana rehetra izay nataony, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty. **29** Nefa hoy ny taranak' Isiraely: Tsy marina ny fitondran' ny Tompo. Ry taranak' Isiraely, ny fitondrako va no tsy marina? Tsy ny fitondranareo va no tsy marina? **30** Koa samy hotsaraiko araka ny ataonareo avy ianareo, ry taranak' Isiraely, hoy Jehovah Tompo. Mitodiha, ka mibebaha amin' ny fahadisoanareo rehetra, dia tsy ho tonga fahatafintohinana mahameloka anareo intsony izany. **31** Esory ho afaka aminareo ny fahadisoanareo rehetra izay nataonareo, ka manaova fo vaovao sy fanahy vaovao ho anareo; fa nahoana no ho faty ianareo, ry taranak' Isiraely? **32** Fa tsy sitrako ny fahafatesan' izay maty, hoy

Jehovah Tompo. Koa mibebaha ianareo mba ho velona. Hira fahalahelovana ny amin' ireo lehiben' ny Isiraely.

19 Ary manaova hira fahalahelovana ny amin' ireo andrianan' ny Isiraely ianao, **2** ka ataovy hoe: Nahoana ny liom-bavy reninareo no namitsaka tao amin' ny liom-bavy. Ary nitaiza ny zanany tao amin' ny liona tanora? **3** Ary nahalehibe ny zanany anankiray izy, dia tonga liona tanora io ka nianatra hamiravira haza sady nihinana olona. **4** Nahare ny lazany ny firenena, dia namandrika azy tamin' ny lavaka, ka nasiany masom-by ny orony, dia nentiny ho any amin' ny tany Egypta izy. **5** Ary nony hitan' ny liom-bavy fa foana sy levona ny fanantenany, dia nangalany indray ny zanany ka notezainy ho tonga liona tanora. **6** Ary nivoivoy teny amin' ny liom-bavy iny, dia tonga liona tanora ka nianatra hamiravira haza sady nihinana olona. **7** Ary nisavika ny mpitondratenan' ireny izy sady nandrava ny tanànany, ka lao ny tany mbamin' izay rehetra tao aminy. Noho ny feon' ny fierony. **8** Ary ny jentilisa manodidina, izay avy any amin' ny fanjakana samy hafa, dia nanamboatra sy namelatra ny fandrika haratony taminy, ka dia voafandrika tamin' ny lavaka izy. **9** Ary nataony tamin' ny vata izy, sady nasiany masom-by ny orony, ka nentiny ho any amin' ny mpanjakan' i Babylona izy, nentiny ho ao amin' ny fiarovana izy, mba tsy ho re eny amin' ny tendrombohitry ny Isiraely intsony ny feony. **10** Ny reninao dia tahaka ny voalobota voavoly teo amoron-drano Tamin' ny andro niadananao: Vokatra sady nanaroka izy azon' ny rano be, **11** Ka nisy rantsany mafy azo natao tehim-panjakana ho an' izay manapaka, dia tonga avo izy ka nitehika tamin' ny rahona matevina, ary niseho tamin' ny hahavony izy noho ny hamaroan' ny rantsany. **12** Nefa nongotana tamin' ny fahavinirana izy ka nazera ho amin' ny tany, ary ny rivotra avy any atsinanana no nahamaina ny voany; Ny rantsany mafy dia tapaka ka maina; Levon' ny afo ireny. **13** Ary ankehitriny voavoly any an-efitra, dia ao amin' ny tany maina karankaina izy. **14** Ary afo no mivoaka avy amin' ny sampany misy tehina ka mandevona ny voany, dia tsy misy rantsany mafy azo atao tehim-panjakana ho fanapahana intsony izy. Hira fahalahelovana izany sady mbola ho hira fahalahelovana ihany.

20 Ary tamin' ny andro fahafolo tamin' ny volana fahadimy tamin' ny taona fahafito dia nisy tonga ny loholon' ny Isiraely mba hanontany amin' i Jehovah, ka nipetraka teo anatrehako izy. **2** Dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **3** Ry zanak' olona, mitenena amin' ireo loholon' ny Isiraely, ka ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Moa hanontany amiko va no ihavianareo? Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy hety hanontanianareo mihitsy Aho. **4** Tsy hotsarainao va izy, ry zanak' olona, tsy hotsarainao va izy? Ampahalalao ny fahavetavetan' ny razany izy. **5** Ary ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tamin' ny andro nifidianako ny Isiraely sy ny ananganako tanana tamin' ny taranak' i Jakoba sy nanaovako izay hahafantarany Ahy tany amin' ny tany Egypta raha nanangan-tanana taminy Aho ka nanao hoe: Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, **6** tamin' izany andro izany no nananganako tanana taminy hitondra azy hivoaka avy tany amin' ny tany Egypta ho any amin' ny tany notadiaviko ho azy, izay tondra-dronono sy tantely sady tena endriky ny tany rehetra, **7** dia hoy Izaho taminy: Samia manary ny fahavetavetan' ny masonareo avy ianareo, ary aza mandoto tena amin' ny sampin' i Egypta; Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **8** Nefa niodina tamiko izy ka tsy nety nihaino Ahy; samy tsy nanary ny fahavetavetan' ny masony na nahafoy ny sampin' i Egypta, ka dia hoy Izaho: Haidiko aminy ny fahavinirako, ary hotanterahiko aminy eo amin' ny tany Egypta ny fahatezerako. **9** Kanefa niasa noho ny amin' ny anarako Aho, mba tsy handotoana izany eo imason' ny jentilisa izay nitoerany, sady teo imasony no nanaovako izay hahafantarany Ahy tamin' ny nitondrako azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta. **10** Koa dia nentiko nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta izy ka nentiko ho any an-efitra. **11** Dia nomeko azy ny didiko, ary nampahafantariko azy ny fitsipiko, izay mahavelona ny olona manaraka izany. **12** Ary nomeko azy koa ny Sabatako ho famantarana ho amiko sy ho aminy mba ho fantany fa Izaho Jehovah no manamasìna azy. **13** Kanjo niodina tamiko tany an-efitra ihany ny taranak' Isiraely, ka tsy nandeha araka ny didiko izy, fa nanamavo ny fitsipiko, izay mahavelona ny olona manaraka izany, ary nandoto dia nandoto ny Sabatako izy, dia hoy Izaho: Haidiko aminy any an-efitra ny fahatezerako hahalany ringana azy. **14** Kanefa niasa noho ny amin' ny anarako Aho, mba tsy handotoana izany eo anatrehan' ny jentilisa izay nahita ay nitondrako azy nivoaka. **15** Ary Izaho dia nanangan-tanana taminy tany an-efitra koa fa tsy hitondra azy ho any amin' ny tany efa nomeko azy, izay tondra-dronono sy tantely sady tena endriky ny tany rehetra, **16** satria efa nanamavo ny fitsipiko izy ary tsy nandeha araka ny didiko, fa nandoto ny Sabatako; fa ny fony dia nanaraka ny sampiny. **17** Nefa niantra azy ihany ny masoko, ka dia tsy naringako na nolevoniko tany an-efitra izy. **18** Fa hoy Izaho tamin' ny zanany tany an-efitra: Aza mandeha araka ny fanaon-drazanareo ianareo, na mitandrina ny fitsipiny, na mandoto tena amin' ny sampiny; **19** fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo; koa mandehana araka ny didiko, ary mitandrema ny fitsipiko, ka araho izany. **20** Ary manamasìna sy Sabatako, mba ho famantarana ho amiko sy ho aminareo, ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo. **21** Kanjo niodina tamiko koa ny zanany: tsy nandeha araka ny didiko izy, na nitandrina hanaraka ny fitsipiko, izay mahavelona ny olona manaraka izany, fa nandoto ny Sabatako izy, ka dia hoy Izaho: Haidiko aminy ny fahavinirako, ary hotanterahiko aminy any an-efitra ny fahatezerato. **22** Nefa nampihemotra ny tanako Aho, ka dia niasa noho ny amin' ny anarako, mba tsy ho voaloto izany eo anatrehan' ny jentilisa izay nahita ny nitondrako azy nivoaka. **23** Dia nanangan-tanana taminy tany an' efitra, indray Aho, hampiely azy any amin' ny jentilisa sy hampihahaka azy any amin' ny tany samy hafa, **24** satria tsy nanaraka ny fitsipiko izy, fa nanamavo ny didiko sy nandoto ny Sabatako, ary ny masony nanaraka ny sampin'

ny razany. **25** Ary nomeko didy tsy tsara koa izy sy fitsipika izay tsy mahavelona Azy. **26** Dia nandoto azy tamin' ny fanatiny Aho, dia tamin' ny nampandehanany ny voalohanteraka rehetra hamaky ny afo, hampahatalanjonako azy, mba hahafantarany fa Izaho no Jehovah. **27** Koa mitenena amin' ny taranak' Isiraely, ry zanak' olona, ka ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tamin' izao no mbola nanamavoan' ny razanareo Ahy tamin' ny nivadihany tamiko: **28** Nony nitondra azy ho any amin' ny tany izay nananganako tanana homena azy Aho, dia nahita ny havoana andrandraina rehetra sy ny hazo misandrahaka rehetra izy, ka tao no namonoany zavatra hatao fanatitra, ary tao koa no nametrahany ny fanatiny mahatezitra; tao koa no nanaterany hanitra ankasitrahana, ary tao no nanidinany ny fanatitra aidiny. **29** Ka dia hoy Izaho taminy: Ahoana moa ny amin' ny fitoerana avo alehanareo? Ka dia fitoerana avo no natao anarany mandraka androany. **30** Koa ataovy amin' ny taranak' Isiraely hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Moa mandoto tena araka ny fanaon' ny razanareo va ianareo, sy mijangajanga manaraka ny fahavetavetany va, **31** ary mandoto tena amin' ny sampinareo rehetra mandraka androany va ianareo amin' ny anateranareo ny fanomezanareo sy ny ampandehananareo ny zanakareo hamaky ny afo? Ary Izaho va hety hanontanianareo, ry taranak' Isiraely? Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, tsy hety hanontanianareo mihitsy Aho. **32** Ary tsy ho tanteraka mihitsy ny eritreritry ny fanahinareo hoe: Ho tahaka ny jentilisa izahay, dia tahaka ny firenena amin' ny tany samy hafa, ka hanao fanompoam-pivavahana ho an' ny vato aman-kazo. **33** Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tanana mahery sy sandry ahinjitra ary fahatezerana aidina no hanjakako aminareo. **34** Ary amin' ny tanana mahery sy ny sandry ahinjitra ary amin' ny fahatezerana aidina no hitondrako anareo mivoaka avy any amin' ny firenena sy hamoriako anareo avy any amin' ny tany izay nampielezana anareo. **35** Dia ho entiko ho any an-efitry ny firenena ianareo, ary any no hifandaharako mifanatrika aminareo. **36** Tahaka ny nifandaharako tamin' ny razanareo tany an-efitry ny tany Egypta, dia toy izany koa no hifandaharako aminareo, hoy Jehovah Tompo. **37** Ary hampandaloviko eo ambanin' ny tehina ianareo ka hampidiriko hofehezin' ny fanekena. **38** Ary havahako hiala aminareo ny mpiodina sy izay manota amiko; eny, ho entiko hiala amin' ny tany ivahiniany ireo, nefa tsy hisy ho tafiditra ao amin' ny tanin' ny Isiraely izy; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **39** Ary ny aminareo, ry taranak' Isiraely, izao no lazain' i Jehovah Tompo; Samia mandeha ianareo, ka manompoa ny sampinareo; nefa any aoriana kosa dia hihaino Ahy mihitsy ianareo ka tsy handoto ny anarako masìna intsony amin' ny fanatitrareo sy amin' ny sampinareo. **40** Fa ao an-tendrombohitro masìna, dia ao an-tendrombohitra avon' ny Isiraely, hoy Jehovah Tompo, no hanompoan' ny taranak' Isiraely rehetra Ahy, dia izay rehetra amin' ny tany; ao no hankasitrahako azy, ary ao no hilako ny fanatitrareo sy ny voaloham-bokatra aterinareo amin' ny zava-masinareo rehetra, **41** Hankasitrahako toy ny hanitra ankasitrahana ianareo amin' ny hitondrako anareo mivoata avy any amin' ny firenena sy ny hamoriako anareo avy any amin' ny tany samy hafa nampielezana anareo, ka dia hiseho ho masìna eo anatrehan' ny jentilisa Aho amin' ny hataoko aminareo. **42** Ary ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah, raha mitondra anareo ho any amin' ny tanin' ny Isiraely Aho, dia ny tany izay nananganako tanana nomena ny razanareo. **43** Ary hotsaroanareo any ny nalehanareo sy ny nataonareo rehetra izay nahaloto anareo; ary haharikoriko anareo ny tenanareo noho ny ratsy rehetra izay nataonareo. **44** Dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah, rehefa miasa aminareo Aho noho ny amin' ny anarako, fa tsy araka ny lalàn-dratsinareo, na araka ny ratsy fanaonareo, ry taranak' Isiraely, hoy Jehovah Tompo. **45** Dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **46** Ry zanak' olona, manatreha ny atsimo, ary mitenena manandrify ny atsimo, ka maminania ny amin' ny hamelezana ny ala amin' ny tany atsimo. **47** Ary lazao amin' ny ala amin' ny tany atsimo hoe: Henoy ny tenin' i Jehovah: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hampirehitra afo ao aminao Aho, izay handevona ny hazo maitso sy ny hazo maina rehetra ao aminao; tsy hovonoina ny lelafo midedadeda, fa ho main' ny afo ny tava rehetra hatrany atsimo ka hatrany avaratra; **48** Ka dia ho hitan' ny nofo rehetra fa Izaho Jehovah no nampirehitra io, ka tsy hovonoina. **49** Dia hoy izaho: Indrisy, Jehovah Tompo ô! Hoy ny fitenin' ny olona ahy: Tsy fanoharana va no ataony?

21 Dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, manandrifia an' i Jerosalema, ary mitenena manandrify ny fitoerana masìna, ka maminania ny amin' ny hamelezana ny tanin' ny Isiraely. **3** Ary ataovy amin' ny tanin' ny Isiraely hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Indro, Izaho no mamely anao, ary hotsoahako amin' ny tranony ny sabatro, ka haringako ny marina sy ny meloka eo aminao. **4** Ary noho ny handringanako ny marina sy ny meloka eo aminao, dia izany no hitsoahan' ny sabatro amin' ny tranony hamely ny nofo rehetra hatrany atsimo ka hatrany avaratra, **5** Ka dia ho fantatry ny nofo rehetra fa Izaho Jehovah no nanatsoaka ny sabatro tamin' ny tranony; Tsy hiditra intsony izy. **6** Ary ianao, ry zanak' olona, midridridridria toy ny tapa-balahana, eny, midridridridria amin' ny fangidiana eo imasony. **7** Ary raha izy manao aminao hoe: Nahoana ianao no midridridridry? Dia valio hoe: Noho ny teny efa re, fa ho avy izany, ho kivy ny fo rehetra, hiraviravy ny tanana rehetra, ary hivarahontsana ny fanahy rehetra, sady hanjary ho toy ny rano ny lohalika rehetra. Eny, ho avy izany ka ho tanteraka, hoy Jehovah Tompo; **8** Dia tonga tamiko ay tenin' i Jehovah nanao hoe: **9** Ry zanak' olona, maminania, ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah: Injao! sabatra! sabatra re! Voaranitra sady voafotsy koa. **10** Voaranitra hahafaty be izy; Voafotsy hanelatselatra izy (Sa isika hifaly hoe: Ny tsorakazon' ny zanako mamingavinga ny hazo rehetra?) **11** Ary nomena hofotsiana izy Mba horaisin-tanana; Voaranitra io sabatra io sady voafotsy, Mba hatolotra eo an-tanan' ny mpamono. **12** Mitomania sy midradradradrà, ry zanak' olona! Fa mihatra amin' ny oloko izany, dia amin' ny lehibe rehetra amin'

ny Isiraely; Lavon' ny sabatra miaraka amin' ny oloko izy, koa misafoa sirana ianao; **13** Fa vita ny fizahan-toetra, Ka manao ahoana, raha ilay tehim-panjakana namingavinga iny aza no ho tonga tsinontsinona? hoy Jehovah Tompo. **14** Ary ianao, ry zanak' olona, dia maminania, ka mitehafa tanana, ary aoka hihaloza roa heny, na telo heny aza, ny sabatra, dia ny sabatra izay efa nahatrabaka olona; Eny, ny sabatra izay efa nahatrabaka ny andriana no manemitra azy. **15** Nahebihebiko teny amin' ny vavahadiny rehetra ny sabatra, mba hahakivy ny fo sy hahatonga fahatafintohinana maro. Indrisy! nataoko nanelatselatra izy sady voaranitra hamono. **16** Miomana, ka mandrosoa eo ankavanana ianao, mijoroa, ka mandrosoa eo an-kavia, amin' izay voatendry hamelezanao na aiza na aiza. **17** Hiteha-tanana koa Aho ary hiala fo; Izaho Jehovah no nilaza izany. **18** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah hoe: **19** Hianao, ry zanak' olona, manaova lalana roa ho anao hihavian' ny sabatry ny mpanjakan' i Babylona; avy amin' ny tany iray no hihavian' izy roa; ka manaova sarin' ny famantaran-dalana, eo an-tsampanan-dalana mankany amin' ny tanàna no anaovinao azy. **20** Manaova lalana hihavian' ny sabatra ho any Raban' ny taranak' i Amona sy ho any ny Joda ao Jerosalema mimanda. **21** Fa ny mpanjakan' i Babylona mijanona eo amin' ny sampanan-dalana, dia eo an-dohan' ny lalana roa, mba hanao sikidy; dia manetsiketsika ny zana-tsipìka izy ary manontany amin' ny sampy sy mizaha amin' ny atin-kena. **22** Mby eo an-tànany ankavanana ny sikidy, dia ny ho an' i Jerosalema, mba hametraka lohondry vy fandravana, hisoka-bava hiantsoantso, hanandra-peo amin' ny akoran' ady, hametraka lohondry vy fandravana eo akaikin' ny vavahady, hanandratra tovon-tany sy tilikambo. **23** Nefa tahaka ny sikidy lainga izany eo imason' ireny izay efa nianiana mafy, nefa Jehovah no mampahatsiaro ny helony mba hisamborana azy. **24** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nampahatsiarovanareo ny helokareo tamin' ny nampihariharianà ny fahadisoanareo mba hampisehoana ny fahotanareo tamin' izay rehetra nataonareo, noho ny nahatsiarovana anareo dia hosamborin-tanana ianareo. **25** Ary ianao, ry ilay ratsy fanahy voatrabaka, dia ilay mpanjakan' ny Isiraely, izay tapitra andro amin' ny fotoan' ny heloka mahafaty, **26** izao no lazain' i Jehovah Tompo Hesorina ny hamama, ary halàna ny satro-boninahitra, tsy ho ao intsony ireo; hasandratra ny iva, ary haetry ny avo. **27** Havadiko, havadiko, havadiko izany; fa izany koa aza dia tsy mba haharitra mandra-pahatongan' izay tena tompony tokoa, ka homeko azy izany. **28** Ary ianao, ry zanak' olona, dia maminania, ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ny amin' ny taranak' i Amona sy ny latsa ataony, dia ataovy hoe: Indro sabatra! Dia sabatra voatsoaka hamono! Voafotsy handringana sy hanelatselatra izy **29** (Raha mahita zava-poana ho anao izy sy maminany lainga aminao) Handavoany anao ao amin' ny vozon' ny ratsy fanahy voatrabaka, Izay tapitra andro amin' ny fotoan' ny heloka mahafaty. **30** Ampidiro amin' ny tranony izy. Any amin' ny tany namoronana anao, dia any amin' ny tany nahaterahanao, no hitsarako anao. **31** Ary haidiko aminao ny fahavinirako, ny afon' ny fahatezerako no hotsofiko aminao, ka hatolotro eo an-tànan' ny olona ketrina. **32** Sy izay mpamorona fandringanana ianao, Dia ho kitain' ny afo ianao; Ho eny amin' ny tany ny ràvao; Tsy hotsaroana ianao; Fa Izaho Jehovah no niteny izany.

22 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, moa tsy hitsara va ianao? Tsy hitsara ny tanana mpandatsa-drà va ianao? Ampahafantaro azy ary ny fahavetavetany rehetra, **3** ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tanàna mpandatsa-drà ao ampovoany hahatonga ny fotoany sady manao sampy ao aminy hahaloto azy. **4** Ny rà izay nalatsakao no nahameloka anao, ary ny sampy izay nataonao no nahaloto anao; ary efa nampanakaiky ny andronao ianao ka efa tonga amin' ny taonanao, koa izany no nanaovako anao ho fandatsan' ny jentilisa sy ho fanakoran' ny tany rehetra, **5** ka na ny akaiky anao na ny lavitra anao dia samy hanakora anao voaloto anarana sy be tabataba. **6** Indreo ny lehiben' ny Isiraely efa samy ao aminao araka ny heriny avy mba handatsa-drà. **7** Ao aminao no anozonana ray aman-dreny; ary ao aminao no anaovana izay sarotra amin' ny vahiny; ary ao aminao no ampahoriana ny kamboty sy ny mpitondratena. **8** Hamavoinao ny zavatra masìna, ary lotoinao ny Sabatako. **9** Ao aminao misy olona mandehandeha manaratsy mba handatsa-drà; ary ao aminao misy mihinana eny an-tendrombohitra; ao aminao misy manao fahavetavetana. **10** Ao aminao misy mandry amin-drainy; ao aminao misy misavika izay mararin' ny fadim-bolana. **11** Misy manao fahavetavetana amin' ny vadin' ny namany; misy manao fahavetavetana mandoto ny vinantovaviny; ary misy misavika ny anabaviny zanakavavin-drainy. **12** Ao aminao misy mandray kolikoly handatsa-drà; maka zana-bola sy tombony ianao sady manao an-keriny mandroba ny an' ny namanao ka manadino Ahy, hoy Jehovah Tompo. **13** Koa, indro, manjera tanana Aho noho ny harena azonao tamin' ny tsy marina sy ny latsa-drà tao aminao. **14** Hahatoha va ny fonao, na hahazaka va ny tananao, amin' ny andro izay hisehoaka aminao? Izaho Jehovah no nilaza sady hahatanteraka izany. **15** Ary haeliko ho any amin' ny jentilisa sy hahahako ho any amin' ny tany samy hafa ianao, ary holevoniko ho afaka aminao mihitsy ny fahalotoanao. **16** Ary dia ho hitan' ny jentilisa fa ny nataonao ihany no nahaloto anao; ka dia ho fantatrao fa Izaho no Jehovah. **17** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah anao hoe: **18** Ry zanak' olona, ny taranak' Isiraely dia efa tonga tain-drendrika amiko; izy rehetra dia varahina sy vifotsy sy vy ary firaka ao anatin' ny memy; eny, efa tonga taim-bolafotsy izy. **19** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nahatongavanareo rehetra ho tain-drendrika, dia, indro, hangoniko ho ao Jerosalema ianareo. **20** Toy ny anangonana volafotsy sy varahina sy vy sy firaka ary vifotsy ho ao anatin' ny memy ka misy mifofotra azy amin' ny afo ho rendrika, dia toy izany no hanangonako anareo amin' ny fahatezerako sy ny fahavinirako, ary hataoko ao ianareo ka ho voarendrika; **21** eny, nangoniko ianareo, dia hifofotra anareo amin' ny afon' ny fahatezerako Aho, ka ho voarendrika ao anatiny ianareo.

22 Toy ny andrendrika volafotsy ao anatin' ny memy no handrendrehana anareo ao anatiny; ka dia ho fantatrareo fa Izaho Jehovah no nampidina ny fahatezerako aminareo. **23** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **24** Ry zanak' olona, lazao aminy hoe: Hianao no tany tsy hazavain' ny hainandro sady tsy ilatsahan' ny ranonorana amin' ny andro fahatezerana. **25** Mikomy ny mpaminany ao aminy; tahaka ny liona mierona mamiravira haza izy; mihinana olona izy sady mahalasa ny harena sy ny zavatsoa ary mahamaro ny mpitondratena ao aminy. **26** Ny mpisorona dia mandika ny lalàko sy mandoto ny zavatra masìna; tsy manavaka ny masìna sy ny tsy masìna izy, na mampiseho ny tsi-fitovian' ny maloto sy ny madio, ary mitampi-maso tsy hijery ny Sabatako izy, ary tsiratsiraina ao aminy Aho. **27** Toy ny amboadia mamiravira haza ny lehibeny ao aminy ka mandatsa-drà sy mahafaty aina ary mahazo harena amin' ny tsy marina. **28** Ary ny mpaminaniny mandalotra azy amin' ny feta tsy madity ka mahita zavapoana sy maminany lainga aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo; nefa Jehovah tsy niteny tsinona. **29** Ny vahoaka manao an-keriny sy mandroba ka mampahory ny malahelo sy ny mahantra; ary ny vahiny dia ampahoriny tsy andrariny. **30** Ary nitady olona teo aminy Aho hanao manda sy hijanona eo amin' ny banga eo anatrehako hifona ho an' ny tany mba tsy handravako azy, kanjo tsy nahita; **31** koa dia haidiko eo aminy ny fahatezerako; ny afon' ny fahatezerako no handaniako azy; ary hatsingeriko ho eo an-dohany ihany ny fanaony, hoy Jehovah Tompo.

23 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, nisy vehivavy mirahavavy iray tam-po; **3** ary nijangajanga tany Egypta izy; fony izy mbola tanora no nijangajanga; tao no nisafosafoana ny tratrany, ary tao no nitsapatsapana ny nonon' ny fahavirijinany. **4** Ny anaran' ny zokiny dia Ohola, ary ny rahavaviny dia Oholiba; ary novadiko izy ka niteraka zazalahy sy zazavavy. Ny amin' ny anarany: Samaria no Ohola, ary Jerosalema no Oholiba. **5** Ary raha mbola vadiko Ohola, dia nijangajanga izy; maimay izy tamin' ireo lehilahiny, dia ny Asyriana mifanolotra aminy, **6** izay mitafy mangamanga, dia ny governora sy ny lefiny, tovolahy bikàna izy rehetra sady mpitaingin-tsoavaly. **7** Nijangajanga tamin' ireny izy, dia tamin' izay tsara indrindra tamin' ny zanakalahin' i Asyria sy tamin' izay rehetra nahamaimay azy; tamin' ny sampiny rehetra no nandotoany tena. **8** Ary ny fijangajangana izay fanaony hatrany Egypta dia tsy foiny; fa fony izy mbola tanora dia nandrian' ireny, ary ireny no nitsapatsapa ny tratran' ny fahavirijinany sady nanaram-po nijangajanga taminy. **9** Ary noho izany dia natolotro ho eo an-tànan' ireo lehilahiny izy, dia eo an-tànan' ny Asyriana izay nahamaimay azy. **10** Ireny no nampiseho ny fitanjahany; ny zananilahy sy ny zananivavy dia lasan' ireny, ary ny tenany novonoiny tamin' ny sabatra, ka dia tonga ambentinteny tamin' ny vehivavy izy ary efa niharan' ny fitsarana. **11** Ary nony hitan' i Oholiba rahavaviny izany, dia vao mainka nataony manoatra noho ny azy indray ny fahamaimaizany, ary ny fijangajangany manoatra noho ny an' ny rahavaviny, **12** Maimay tamin' ny Asyriana mifanolotra aminy izy, dia ny governora sy ny lefiny, olona mareva-pitafiana sady mpitaingin-tsoavaly, samy tovolahy bikàna izy rehetra. **13** Dia hitako fa efa nandoto ny tenany izy, fa lalana iray ihany no nalehan' izy mirahavavy; **14** ary mbola nampandrosoiny ihany ny fijangajangany, fa nahita sariolona voasoratra teo amin' ny rindrina izy sy ny sarin' ny Kaldeana voasoratra tamin' ny loko mena. **15** samy nisy fehin-kibo nifehy teo ambalahany sy hamama voanato nisy rambony teo an-dohany; ny fijery azy rehetra dia toy ny fijery zanak' andriana, dia tahaka ny zanakalahin' i Babylona, izay teraka tany amin' ny tany Kaldea. **16** Ary raha vao hitan' ny masony ireny, dia maimay taminy izy ka naniraka olona ho any aminy tany Kaldea. **17** Ary tonga tany aminy ho ao amin' ny fandriampitiavana ireny zanakalahin' i Babylona ka nandoto azy tamin' ny fijangajangany; ary nony efa voaloton' ireny izy, dia niombotra niala taminy kosa ny fanahiny. **18** Ary rehefa naneho ny fijangajangany sy nampiseho ny fitanjahany izy, dia niombotra niala taminy ny fanahiko, toy ny efa niombotan' ny fanahiko niala tamin' ny rahavaviny ihany. **19** Dia nampitombo ny fijangajangany ihany izy, ka dia nahatsiaro ny andro fahatanorany, izay nijangajangany tany amin' ny tany Egypta. **20** Fa izy dia maimay tamin' ireo lehilahiny, izay manana nofo tahaka ny nofom-boriky, ary ny avy aminy dia toy ny avy amin' ny soavaly. **21** Nitady ny fijangajangan' ny fahatanoranao ianao, dia ilay nitsapatsapan' ny Egyptiana ny nononao, satria nonon' ny fahavirijinanao ireo. **22** Koa izao, ry Oholiba, no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hotairiko hamely anao ireny lehilahinao, izay efa niombotan' ny fanahinao, ka ho entiko avy amin' ny tany manodidina izy mba hamely anao, **23** dia ireny zanakalahin' i Babylona mbamin' ny Kaldeana rehetra, mpanapaka sy manan-jo sy andriandahy, ary ny Asyriana rehetra koa miaraka aminy; tovolahy bikàna izy rehetra, dia ny governora sy ny lefiny, zanak' andriana sy olom-boafidy, sady mpitaingin-tsoavaly avokoa izy rehetra. **24** Ary ho avy izy mitondra fiadiana sy kalesy sy kodia mbamin' ny firenena betsaka hamely anao, izay hanisy ampinga lehibe sy ampinga kely sy fiarovan-doha manodidina hamelezana anao, ary hatolotro azy ny fitsarana, ka hitsara anao araka ny fitsarany izy. **25** Ary ho entiko hamely anao ny fahasaro-piaroko, ka hamely anao amin' ny fahatezerana ireny: hesoriny ny oronao sy ny sofinao, ary izay sisa aminao dia ho lavon' ny sabatra, ka ho lasan-ko babony ny zanakalahinao sy ny zanakavavinao, ary izay sisa aminao holevonin' ny afo. **26** Ary hendahany ny lambanao, sady hesoriny aminao ny firavakao soa. **27** Ary hatsahatro ny fahavetavetanao, dia ny fijangajanganao izay fanaonao hatrany amin' ny tany Egypta, fa tsy ihandrandrainao aminy intsony ny masonao, sady tsy; hotsarovanao intsony Egypta. **28** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hatolotro eo an-tànan' izay halanao ianao, dia eo an-tanan' izay efa niombotan' ny fanahinao; **29** ary hamely anao amin' ny fankahalana izy, ka hesoriny ny vokatry ny asanao, dia hilaozany mitanjaka sy mihanjahanja ianao, ary hiseho ny fitanjahan' ny fijangajanganao, dia ny fahavetavetanao sy ny fijangajanganao. **30** Havo aminao izany zavatra izany

noho ny nijangajanganao nanaraka ny jentilisa sy noho ny nandotoanao tena tamin' ny sampiny. **31** Tamin' ny nalehan' ny rahavavinao no nalehanao koa, ka dia hataoko eo antananao ny kapoakany. **32** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Amin' ny kapoaky ny rahavavinao no hisotroanao, dia ilay lalina àty sady lehibe; ho fihomehezana sy ho fanakorana tsy tanty ianao. **33** Ho feno fahamamoana sy alahelo ianao; kapoaka fahatalanjonana sy fandringanana ny kapoak' i Samaria rahavavinao. **34** Hosotroinao sy hotrohinao izy, ary hokikisanao ny vakivakiny sady handriatanao ny nononao; fa Izaho no niteny izany, hoy Jehovah Tompo. **35** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nanadinoanao Ahy sy ny nanarianao Ahy teo ivohonao, dia mba zakaonao kosa ny fahavetavetanao sy ny fijangajanganao. **36** Jehovah niteny tamiko hoe: Ry zanak' olona, tsy hotsarainao va Ohola sy Oholiba? Dia asehoy azy ny fahavetavetany, **37** fa efa nijangajanga izy, sady misy rà eny an-tànany, eny, ny sampiny no nijangajangany, ary ny zananilahy naterany ho Ahy dia nampamakiny ny afo ho an' ireny mba ho levona. **38** Izao koa no nataony tamiko: Nandoto ny fitoerako masìna izy tamin' izany andro izany sady nandoto ny Sabatako koa. **39** Ary nony efa novonoiny ho an' ny sampiny ny zanany, dia nidirany tamin' iny andro iny ihany ny fitoerako masìna ka nolotoiny; koa, he! izany no nataony teo anatin' ny tranoko. **40** Ary koa, naniraka ho any amin' ny olona avy lavitra ianao; eny, nanirahanao ireo, ka, indreo, tonga izay efa nandroanao sy nanosoranao loko mainty ny masonao sy niravahanao. **41** ary nipetrahanao tamin' ny farafara marevaka, sady nisy latabatra voavelatra teo anoloany, izay nametrahanao ny ditin-kazo manitro sy ny diloiloko. **42** Ary teo aminy nisy ny feon' ny maro izay mipetraka tsy manana ahiahy, ary afa-tsy ny ankabiazam-bahoaka dia nisy mpiboboka nentina avy tany an-efitra; ary nasian' ireo haba teny an-tànan' izy mirahavavy sy satro-boninahitra tsara tarehy teny an-dohany. **43** Dia hoy Izaho ny amin' ilay efa tontan' ny fijangajangana ela: Amin' izao dia mbola hisy hijangajanga amin' io ihany va? **44** Eny, mbola nankao aminy ihany ny olona toy ny ankanesany ao amin' ny vehivavy janga, dia toy ny efa nankanesany tao amin' i Ohola sy Oholiba, vehivavy janga. **45** Ary olona marina no hitsara azy araka izay fitsara vehivavy mijangajanga sy mandatsa-drà, satria mijangajanga izy, sady misy rà eny an-tànany. **46** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ho entiko hamely azy ny olona maro, ka natolotro ho mpanjenjena sy ho babo izy. **47** Ary ireo olona maro ireo dia hitorabato azy sy hitetitetika azy amin' ny sabatra; hovonoiny ny zananilahy sy ny zananivavy, ary hodorany amin' ny afo koa ny tranony. **48** Toy izany no hampitsaharako ny fahavetavetana amin' ny tany, mba hahazo anatra ny vehivavy rehetra tsy hanao araka ny fahavetavetanareo. **49** Ary hatsingeriny aminareo ny fahavetavetanareo, ary ho entinareo ny heloka noho ny sampinareo; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Tompo.

24 Ary tamin' ny andro fahafolo tamin' ny volana fahafolo tamin' ny taona fahasivy dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, soratinao ny anaran' ny andro, dia izao andro anio izao; ny mpanjakan' i Babylona miantomboka mamely an' i Jerosalema amin' izao andro anio izao. **3** Ary milazà fanoharana amin' ny taranaka maditra, ka ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Asio vilany eo an-tokoana, eny, ataovy eo an-tokoana, ka asio rano ao anatiny; **4** ary arotsahy ao ny vaingambaingany, dia ny vaingambaingany tsara rehetra, na ny feny na ny sorony; fenoy taolana voafantina izy. **5** Alao ny ondry voafantina, ka tohofy kitay betsaka ao ambaniny koa hahandroana ny taolana, dia ampangotrahy tsara izy, ka andrahoy ao ny taolany. **6** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Lozan' ny tanàna mpandatsa-drà sy ny vilany izay misy harafesina tsy mety afaka ao anatiny! Loary tsirairay ny vaingambaingany, fa aza anaovana filokana. **7** Fa ny ràny dia ao aminy; teo ambonin' ny vatolampy mangadihady no nametrahany azy; tsy naidiny tamin' ny tany hosaronan' ny vovoka izy. **8** Mba hampakatra ny fahatezerana hamaliana azy no nametrahako ny ràny teo ambonin' ny vatolampy mangadihady mba tsy ho voasarona. **9** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Lozan' ny tanàna mpandatsa-drà; Izaho koa hamory kitay betsaka. **10** Atohofy betsaka ny kitay hazo, ampireheto ny afo, masaho tsara ny hena, ka asio zavatra hahamanitra azy, ary aoka ho may ny taolana. **11** Dia foàny ny vilany, ka ataovy eo ambonin' ny vainafo hampahafana sy hahamay ny varahiny, ka ho levona eo aminy ny fahalotoany, ary ho afaka ny harafesiny. **12** Efa nanasatra dia nanasatra ny tenany izy, nefa tsy nety afaka ny harafesim-beny; aoka ho eo amin' ny afo ny harafesiny. **13** Ny fahalotoanao dia misy fahavetavetana; satria nanadio anao Aho, nefa tsy nadio ianao, dia tsy hadio ho afaka amin' ny fahalotoana intsony ianao ambara-pialako fo aminao. **14** Izaho Jehovah no niteny, ka ho tonga izany ary hataoko; tsy hiahotrahotra Aho, na hiantra, na hanenina; araka ny fanaonao sy ny asanao no hitsarana anao, hoy Jehovah Tompo. **15** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **16** Ry zanak' olona, indro, efa hesoriko amin' ny loza indray mamely monja ilay tian' ny masonao; nefa aza misaona na mitomany na mandatsa-dranomaso akory ianao. **17** Misentoa malemilemy ihany ianao, fa aza mitomany na misaona ny maty; afehezo aminao ny hamamanao, ary asio kiraro ny tongotrao, ary aza manarona ny saokanao na mihinana ny fahan-kanina aterin' olona. **18** Ary nony maraina dia niteny tamin' ny olona aho; ary nony hariva dia maty ny vadiko; ary nony maraina indray dia nanao araka ny efa nandidiana ahy aho. **19** Ary hoy ny olona tamiko: Moa tsy holazainao aminay va izay hevitra tokony ho azonay amin' izao ataonao izao? **20** Dia hoy izaho taminy: Tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **21** Lazao amin' ny taranak' Isiraely hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, holotoiko ny fitoerako masìna, izay reharehan' ny herinareo, dia ilay tian' ny masonareo sy mahamanina ny fanahinareo; ary ho lavon' ny sabatra ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, izay nilaozanareo. **22** Dia manaova tahaka ny nataoko ianareo: aza manarona ny saokanareo ianareo, na mihinana ny fahan-kanina aterin' olona; **23** ary aoka ho eo an-dohanareo ny hamamanareo sy ho eo an-tongotrareo ny kiraronareo; aza misaona na

mitomany ianareo; fa ho levona noho ny helokareo ianareo ka hifampitoloko. **24** Ary Ezekiela dia ho famantarana mahagaga ho anareo; koa araka izay rehetra nataony no mba hataonareo; ary rehefa tonga izany, dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Tompo. **25** Ary ianao, ry zanak' olona, amin' ny andro hanesorako aminy ny heriny sy ny fifalian' ny voninahiny, ilay tian' ny masony sy ilay tian' ny fanahiny, dia ny zananilahy sy ny zananivavy, **26** eny, amin' izany andro izany dia hisy olona handositra ho tonga any aminao mba hampandre ny sofinao izany; **27** amin' izany andro izany dia hisokatra miaraka amin' ny an' ilay mandositra ny vavanao, ka dia hiteny ianao, fa tsy ho moana intsony; ry ho famantarana mahagaga aminy ianao; ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah.

25 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, manandrifia ny Amonita, ary maminania ny hamelezana azy, **3** ka ataovy aminy hoe: Mihainoa ny tenin' i Jehovah Tompo: Izao no lazain' i Jehovah Tompo; Noho ny nanaovanao hoe: Hià! sakoa izay! raha nolotoina ny fitoerako masìna, Ary noravana ny tanin' ny Isiraely, Sady lasan-ko babo ny taranak' i Joda, **4** Dia indro kosa, hatolotro ho fananan' ny zanaky ny atsinanana ianao, Ka haoriny ao aminao ny tobiny, ary hataony ao aminao ny fonenany; Ireny no hihinana ny vokatrao sy hisotro ny ronononao. **5** Ary Raba dia hataoko tany fitoeran' ny rameva, ary ny taranak' i Amona ho tany fandrian' ny ondry aman' osy; Ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **6** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nitehafanao tanana sy ny nitotoanao tamin' ny tongotrao ary ny nifalian' ny fonao tamin' ny fanaovana tsinontsinona ny tanin' ny Isiraely, **7** Dia, indro, hahinjitro aminao ny tanako, ka hatolotro ho babon' ny jentilisa ianao; Ary hofongorako tsy ho vanon-ko firenena intsony ianao, ka hataoko lany ritra tsy ho amin' ny tany; Eny, haringako ianao, ka dia ho fantatrao fa Izaho no Jehovah. **8** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nanaovan' i Moaba sy Seïra hoe: Indro, ny taranak' i Joda efa tonga tahaka ny firenena rehetra izao, **9** Dia, indro, hotatahako kosa ny tanin' ny Moaba, hatrany amin' ny tanànany rehetra, izay ravaky ny tany, dia Beti-jesimota sy Bala-meona ary Kiriataima, **10** Ho an' ny zanaky ny atsinanana koa tahaka ny taranak' i Amona' ihany, eny, hatolotro ho fananan' ireny izy, mba tsy hotsarovana ao amin' ny firenena intsony ny taranak' i Amona. **11** Ary hotanterahiko ny fitsarana an' i Moaba; ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah. **12** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny namelezan' i Edoma ny taranak' i Joda tamin' ny namaliany azy ary ny nanotany indrindra sy ny namaliany azy, **13** Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo: Hahinjitro amin' i Edoma ny tanako, ka haringako ny olona sy ny biby ao aminy; Ary hataoko lao hatrany Temana izy sy ho lavon' ny sabatra hatrany Dedana. **14** Ary ny tanan' ny Isiraely oloko no ho entiko mamaly an' i Edoma, ka hanao aminy araka ny fahatezerako sy ny fahavinirako ireo; Ka dia ho fantany ny famaliako, hoy Jehovah Tompo. **15** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny famaliana nataon' ny Filistina, eny, noho ny namaliany ratsy tamin' ny nanaovany tsinontsinona azy, ka nandringana noho ny fandrafiany hatry ny fony ela, **16** Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hahinjitro amin' ny Filisitna ny tanako, ka haringako ny keretita, ary horavako izay sisa any amoron-dranomasina; **17** Ary famaizana mirehitra no ho entiko manao famaliana lehibe aminy; ka dia ho fantatrafa Izaho no Jehovah, rehefa hataoko mihatra aminy ny famaliako.

26 Ary tamin' ny andro voalohany amin' ny volana tamin' ny taona fahiraika ambin' ny folo dia tonga tamiko ny tenin' Jehovah nanao hoe: zananivavy. **2** Ry zanak' olona, noho ny nandatsan' i Tyro an' i Jerosalema hoe: Hià! sakoa izay! rava ilay vavahadin' ny firenena! Mba hifindra amiko kosa izao, ka ho feno aho, fa izy kosa ho foana, **3** Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hamely anao Aho, ry Tyro, ka hampiakatra ny firenena maro hiady aminao, tahaka ny fampiakatry ny ranomasina ny onjany. **4** Ary horavan' ireo ny mandan' i Tyro, sady harodany ny tilikambony; Dia hofafako hiala aminy ny vovotaniny, ka hataoko tahaka ny vatolampy mangadihady izy. **5** Ho famelarana harato eo amin' ny ranomasina izy; Fa Izaho no niteny izany, hoy Jehovah Tompo, ka dia ho babon' ny-firenena izy. **6** Ary ny zana-bohiny eny an-tanety dia hovonoina amin' ny sabatra; ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah. **7** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, ho entiko avy any avaratra ho any Tyro Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, andrianan' ny andriana, mitondra soavaly sy kalesy sy mpitaingin-tsoavaly ary vahoaka betsaka. **8** Ny zana-bohitrao any an-tanety dia hovonoiny amin' ny sabatra; ary hanandratra tilikambo sy tovon-tany sady hanangana ampinga lehibe hamelezany anao izy. **9** Ary hametraka lohondry vy fandravana eo akaikin' ny mandanao izy, sady horavany amin' ny fiadiany ny tilikambonao. **10** Ho feno ny vovo-taniny ianao noho ny habetsahan' ny soavaliny; hihorohoro ny mandanao noho ny fikorodondrodon' ny mpitaingin-tsoavaly sy ny kodia sy ny kalesy, raha miditra eo amin' ny vavahadinao tahaka ny olona miditra amin' ny tanàna izay voabanga izy. **11** Ny kitron-tsoavaliny no hanitsakitsahany ny lalambenao rehetra; ny olonao dia hovonoiny amin' ny sabatra, ary ny tsangambatonao mafy dia hianjera amin' ny tany. **12** Hobaboiny ny hirenao, horobainy ny rantonao, harodany ny mandanao, horavany ny tranonao mahafinantra; ary ny vatonao sy ny hazonao sy ny vovokao dia hataony any amin' ny rano. **13** Ary hatsahatro ny feon' ny hiranao, sady tsy ho re intsony ny fanenon' ny lokanganao. **14** Dia hataoko toy ny vatolampy mangadihady ianao ka ho famelarana harato sady tsy haorina intsony; fa Izaho Jehovah no niteny, hoy Jehovah Tompo. **15** Izao no lazain' i Jehovah Tompo amin' i Tyro: Tsy hihorohoro va ny moron-dranomasina noho ny fikotrokotroky ny firodananao, raha mitrona ny voatrabaka, ary misy vonoana eo ampovoanao? **16** Dia hidina hiala amin' ny seza fiandrianany ireo andrianan' ny ranomasina rehetra ka hiala akanjo sy hanaisotra ny fitadiany misoratsoratra; Hovotra no hitafiany, ka hipetraka amin' ny tany izy; ary hangovitra isaky ny indray mipi-maso

izy ka ho gaga anao. **17** Ary hanao hira fahalahelovana ny aminao izy ka hanao aminao hoe: Indrisy! rava ianao, ry ilay nonenan' ny avy any an-dranomasina! Dia ilay tanàna malaza izay nahery teo amin' ny ranomasina, dia izy mbamin' ny mponina ao, izay nampahatahotra ny mponina rehetra eo aminy! **18** Ankehitriny dia raiki-tahotra ny amoron-dranomasina amin' ny andro hianjeranao; Eny, toran-kovitra ny nosy any an-dranomasina noho ny haharavanao. **19** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Raha hataoko tanàna lao tahaka ireo tanàna haolo ianao, ary hampiakariko aminao ny rano lalina, ka hosaronan' ny rano be ianao, **20** Dia hampidiniko hiaraka amin' izay mivarina any an-davaka ianao, Hankany amin' ny razana, ka hamponeniko any ambanin' ny tany ianao, dia any amin' ny fonenana efa lao hatramin' ny ela, hiaraka amin' izay mivarina any an-davaka, mba tsy honenana intsony; ary hasiako voninahitra eo amin' ny velona; **21** Dia hataoko fampitahorana ianao, ka tsy ho eo intsony; Eny, hotadiavina ianao, nefa tsy ho hita intsony mandrakizay, hoy Jehovah Tompo.

27 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Hianao, ry zanak' olona, manaova hira fahalahelovana ny amin' i Tyro, **3** ka ataovy aminy hoe: He, ry ilay monina amin' ny vava-ranomasina, Mpandranto ho an' ny firenena ho any ny moron-dranomasina maro samy hafa; Izao no lazain' i Jehovah Tompo: He, ry Tyro, ianao efa nanao hoe: Izaho dia tena tsara tarehy! **4** Ao amin' ny ranomasina ny taninao, efa tanteraky ny mpandrafitra anao ny hatsaran-tarehinao. **5** Hazo kypreso avy any Senira no nanaovany ny lampihazonao; Sedera avy any Libanona no nalainy hatao andrin-tsambonao. **6** Oka avy any Basana no nanaovany ny fivoinao; hazo bokso avy any amin' ny moron-dranomasin' i Kitima no nataony fipetrahan' ny mpivoinao sady nasiany parike ivory. **7** Rongony madinika samy hafa soratra avy any Egypta no natao lainao mba ho faneva ho anao; Lamba manga sy volomparasy avy any amin' ny moron-dranomasin' i Elisa no eloelonao. **8** Ny mponina any Sidona sy Arvada no mpivoinao; Ny olon-kendrinao, ry Tyro, no tao aminao, ka ireo no mpitondra sambonao. **9** Ny zokiolon' i Gebala sy izay hendry tany no tao aminao ho mpanentsin-tsambonao; ny sambo rehetra teny amin' ny ranomasina mbamin' ny matilony dia tonga tao aminao hanakalo ny rantonao. **10** Ny avy any Persia sy ny Lydiana ary ny Libyana dia isan' ny miaramila mpiadinao; Nanantona ampinga sy fiarovan-doha teny aminao ireo ka nahatsara tarehy anao. **11** Ny terak' i Arvada sy ny miaramilanao no teny ambonin' ny mandanao manodidina, ary lehilahy mahery no tao amin' ny tilikambonao; Ny ampingany dia nahantony teny amin' ny mandanao manodidina; Ireo no nahatanteraka ny hatsaran-tarehinao. **12** Tarsisy no mpandranto nankany aminao noho ny haben' ny harena samy hafa rehetra; Volafotsy sy vy sy vifotsy ary firaka na nentiny natakalo ny entanao. **13** Javana sy Tobala ary Maseka no mpandranto nankany aminao, ka olona sy fanaka varahina no natakalony ny varotrao. **14** Ny terak' i Togarma nitondra soavaly sy soavaly fitaingina ary ampondra natakalo ny entanao. **15** Ny terak' i Dedana no mpandranto nankany aminao; Ny avy amin' ny moron-dranomasina maro no tonga hivarotra tao aminao ka nitondra ivory sy hazomainty natakalo ny entanao. **16** Syria no mpandranto nankany aminao noho ny habetsahan' ny tao-zavatrao, ka karbonkolo sy lamba volomparasy sy tenona samy hafa soratra sy rongony fotsy madinika sy voahangy ary robina No nentiny natakalo ny entanao. **17** Joda sy ny tanin' ny Isiraely no mpandranto nankany aminao, ka vary tritika avy tany Minita sy zava-mamy sy tantely sy diloilo ary balsama no natakalony ny varotrao. **18** Damaskosy no mpandranto nankany aminao noho ny habetsahan' ny taozavatrao, dia ny haben' ny harenao rehetra, ka nitondra divay avy any Helbona sy volon' ondry fotsy izy. **19** Vedana koa sy Javana avy any Ozala dia nitondra vy voatefy natakalo ny entanao; Kasia sy veromanitra no natakalony ny varotrao. **20** Dedana no mpandranto nankany aminao, nitondra lamba fanao lamban-tsoavaly. **21** Arabia sy ireo andriandahin' i Kedara rehetra no nandranto tany aminao, ka zanak' ondry sy ondrilahy ary osilahy no nentiny natao varotra tao aminao. **22** Ny mpandranto avy any Sheba sy Rama no mpandranto nankany aminao, Ka zava-manitra tsara indrindra sy vato soa samy hafa karazana ary volamena no nentiny natakalo ny entanao. **23** Harana sy Kane ary Edena sy mpandranto avy any Sheba sy Asyria ary Kilmada no mpandranto nankany aminao. **24** Ireo no mpandranto nankany aminao nitondra ny fitafiana marevaka rehetra, dia kapôty manga sy samy hafa soratra ary vata sedera mifehy misy fitafiana soa no natakalony ny varotrao. **25** Ny sambon' i Tarsisy no mpitondra ny entanao, dia feno sady be voninahitra ianao teo amin' ny ranomasina. **26** Nentin' ny mpivoinao teny amin' ny rano be ianao, dia nahavaky anao tao amin' ny ranomasina ny rivotra avy any atsinanana. **27** Ny harenao sy ny vidin' entanao, ny varotrao, ny matilonao sy ny mpitondra sambonao, ny mpanentsin-tsambonao sy ny mpividy ny entanao ary ny miaramilanao rehetra izay tao aminao mbamin' ny olona betsaka tafangona tao aminao dia nilentika tao amin' ny ranomasina tamin' ny andro nandravana anao. **28** Noho ny fidradradradran' ny mpitondra sambonao dia mihorohoro ny tany manodidina. **29** Ary samy midìna miala amin' ny sambony ny mpivoy rehetra sy ny matilo ary ny mpitondra sambo rehetra eny an-dranomasina ka mijanòna eny an-tanety; **30** Ary manandratra ny feony noho ny nanjo anao izy ka midradradradra mafy sady manopy vovoka hiraraka amin' ny lohany ary mihosinkosin-davenona; **31** Ary mibory loha avokoa izy noho ny aminao sy misikìna lamba fisaonana ary mitomany anao amin' ny fangidiam-panahy izy, dia fisaonana mafy. **32** Ary raha midradradradra izy, dia manao hira fahalahelovana ny aminao ka mitomany anao hoe: Iza moa no tahaka an' i Tyro, dia tahaka ilay rava ao ampovoan' ny ranomasina? **33** Raha nivoaka avy amin' ny ranomasina ny varotrao, dia nahatretrika firenena maro ianao; Tamin' ny haben' ny harenao sy ny varotrao dia nampanan-karena ny mpanjakan' ny tany ianao. **34** Tamin' ny andro nandravan' ny ranomasina anao ho any amin' ny rano lalina dia niara-nilentika taminao ny varotrao sy ny

olona tafangona tao aminao. **35** Talanjona anao ny mponina rehetra amin' ny moron-dranomasina, ary raiki-tahotra ny mpanjakany ka dia mivalomainty. **36** Misitrisitra anao ny mpandranto amin' ny firenena; tonga fampitahorana ianao ary tsy ho ao intsony mandrakizay

28 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe; **2** Ry zanak' olona, lazao amin' ny mpanjakan' i Tyro hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Satria miavonavona ny fonao, ka hoy ianao: Mba Andriamanitra koa aho; eto amin' ny anankiray amin' ny fipetrahan' Andriamanitra no ipetrahako, dia eto ampovoan' ny ranomasina. Nefa olona ihany ianao, fa tsy Andriamanitra tsinona, Na dia nataonao toy ny fon' Andriamanitra aza ny fonao, **3** Hay! hendry noho Daniela ianao! Tsy misy zava-miafina azo afenina anao izany! **4** Ny fahendrenao sy ny fahalalanao no nahazoanao haren. Eny, izany no nahazoanao volamena sy volafotsy ho ao amin' ny rakitrao **5** Ny haben' ny fahendrenao tamin' ny varotrao no nampitomboanao ny harenao, ka dia miavonavona ny fonao noho ny harenao; **6** Koa, indro, izao no lazain' i Jehovah Tompo: Satria efa nataonao ho toy ny fon' Andriamanitra ny fonao, **7** Dia, indro, hitondra olona hafa firenena Aho hamely anao, dia izay masiaka indrindra amin' ny firenena, Ka hotsoahany ny sabany hamelezany ny fahendrenao tsara, ary hataony matroka ny famirapiratanao **8** Havariny ho any an-davaka ianao, ka ho faty toy ny fahafatesan' izay voatrabaka ao amin' ny ranomasina. **9** Moa mbola hitompo teny fantatra va ianao eo imason' izay mamono anao hoe mba Andriamanitra koa aho? Nefa olona ihany ianao, fa tsy Andriamanitra tsinona, raha mby eo an-tànan' izay manatrabaka anao **10** Tahaka ny fahafatesan' ny tsy voafora no hahafatesan' ny fahavalo anao; Fa Izaho no niteny izany, hoy Jehovah Tompo. **11** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **12** Ry zanak' olona, manaova hira fahalahelovana ny amin' ny mpanjakan' i Tyro, ka lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ry ilay mahatanteraka ny rafitra tsara tarehy tonga marika sady feno fahendrena no tena tsara tarehy, **13** Tany Edena, sahan' Andriamanitra, ianao; Ny vato soa rehetra ny eloelo teo amboninao, dia ny karneola, ny topaza, ny onyksa, ny krysolita, ny beryla, ny jaspy, ny safira, ny robina, ny emeralda ary ny volamena; Ny fampanenoana ny ampongatapakao sy ny sodinao dia tao aminao, tamin' ny andro namoronana anao dia natao koa ireo. **14** Hianao dia kerobima voahosotra izay manaloka, fa voatendriko ianao; Tao an-tendrombohitra masin' Andriamanitra ianao; Tao amin' ny vato mirehitra no nitsangantsangananao. **15** Tsy nanan-tsiny ianao tamin' ny nalehanao hatramin' ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka tao aminao. **16** Noho ny habetsahan' ny varotra nataonao dia nofenoina loza tao aminao, ka nanota ianao; Ary dia nolotoiko ka nariako niala tamin' ny tendrombohitr' Andriamanitra ianao, Ary nosimbako ianao, ry kerobima manaloka, hiala tao amin' ny vato mirehitra. **17** Niavonavona ny fonao noho ny hatsaran-tarehinao; Efa nahasimba ny fahendrenao mbamin' ny famirapiratanao ianao; Nazerako eny an-tany ianao sady natolotro ho fitalanjonan' ireo mpanjaka, **18** Noho ny haben' ny helokao tamin' ny tsi-fahamarinan' ny varotrao, dia voalotonao ny fitoeranao masìna; Koa izany no hamoahako afo avy ao aminao handevona anao, ary hataoko tonga lavenona eny ambonin' ny tany ianao eo imason' izay rehetra mijery anao. **19** Ny firenena rehetra izay mahalala anao dia ho gaga anao; Ho tonga fampitahorana ianao ary tsy ho ao intsony mandrakizay. **20** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **21** Ry zanak' olona, manandrifia an' i Sidona, dia maminania ny hamelezana azy, **22** ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, efa hamely anao Aho, ry Sidona, ary hankalazaina ao ampovoanao Aho; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah, raha manatanteraka ny fitsarana azy Aho ka miseho ho masìna amin' ny ataoko aminy. **23** Fa hahatonga aretimandringana hamely azy Aho ary rà ho eny an-dalambeny; Dia hiampatrampatra eny aminy ny voatrabaky ny sabatra izay mamely avy eny manodidina eny; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah. **24** Ary tsy hisy roy mampangirifiry na tsilo mampanaintaina intsony ho an' ny taranak' Isiraely, avy amin' ireo manodidina azy, izay manao tsinontsinona azy; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah Tompo. **25** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Raha angoniko avy any amin' ny firenena izay nampielezana azy ny taranak' Isiraely, dia hiseho ho masìna eo imason' ny firenena Aho amin' ny ataoko aminy, ka honina any aminy taniny izay nomeko an' i Jakoba mpanompoko izy. **26** Dia handry fahizay any izy ka hanorina trano sy hanao tanim-boaloboka; eny, handry fahizay izy amin' ny anatanterahako ny fitsarana ireo rehetra manodidina azy izay manao tsinontsinona azy; ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah Andriamaniny.

29 Tamin' ny andro faharoa ambin' ny folo tamin' ny volana fahafolo tamin' ny taona fahafolo dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, manandrifia an' i Farao, mpanjakan' i Egypta, ka maminania ny hamelezana azy mbamin' i Egypta rehetra. **3** Mitenena, ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, avy hamely anao Aho, ry Farao, mpanjakan' i Egypta, ilay dragona makadiry mamitsaka ao amin' ny Neiliny, dia ilay efa nanao hoe: Ahy ny Neiliko, fa izaho no namorona azy ho an' ny tenako. **4** Ary hasiako farango ny valanoranonao, sady hampiraiketiko amin' ny kiranao ny hazandrano ao amin' ny Neilinao, dia hampiakariko avy eo afovoan' ny Neilinao ianao, ary ny hazandrano rehetra amin' ny Neilinao dia hiraikitra amin' ny kiranao. **5** Ary hariako any an-efitra ianao, dia ianao sy ny hazandrano rehetra avy amin' ny Neilinao; hitsitsitra eny an-tanety ianao ka tsy hovorina na hangonina; Efa nomeko hohanin' ny bibi-dia sy ny voromanidina ianao. **6** dia ho fantatry ny mponina rehetra any Egypta fa Izaho no Jehovah, satria efa tehina volotara ho an' ny taranak' Isiraely izy. **7** (Nony mandray anao amin' ny tànany izy, dia folaka ianao, ka voatsindronao ny helik' izy rehetra; Ary nony mitehina aminao izy, dia tapaka ianao ka mampilefidefitra ny valahan' izy rehetra.) **8** Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hahatonga sabatra hamely anao Aho, ka hofongorako tsy ho aminao ny olona sy

ny biby. **9** Ary ny tany Egypta ho rava sy lao; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah. Satria hoy izy: Ahy Neily, ary izaho no nanao azy, **10** Dia, indro, avy hamely anao sy ny Neilinao Aho, ary ny tany Egypta hataoko lao tokoa, eny, sady ho lao no ho rava, hatrany Migdola ka hatrany Syena, dia hatramin' ny sisin' i Etiopia. **11** Tsy hodiavin-tongotr' olona ny tany, ary ny tongo-biby aza tsy handia azy, sady tsy honenana efa-polo taona izy. **12** Ary hataoko tany rava dia rava ny tany Egypta, ary ho lao dia ho lao efa-polo taona ny tanànany; Eny, haeliko ho any amin' ny firenena samy hafa ny Egyptiana, ary hahahako any amin' ny tany samy hafa. **13** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Rehefa afaka efa-polo taona, dia hangoniko avy any amin' ny firenena izay nielezany ny Egyptiana: **14** Ary haveriko avy amin' ny fahababoany izy, ka hampodiko any amin' ny tany Patrosa, tany nihaviany, izy; Ary ho fanjakana ambany Egypta; **15** Eny, ho ambany noho ny fanjakana hafa izy ka tsy hisandratra ambonin' ny firenena hafa intsony; Fa hohakeleziko izy ka tsy hampanompo ny firenena intsony. **16** Dia tsy ho tokin' ny taranak' Isiraely intsony izy ho fampahatsiarovana ny helony amin' ny andehanan' ireo hanaraka azy; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah Tompo. **17** Ary tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana voalohany tamin' ny taona fahafito amby roa-polo dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **18** Ry zanak' olona, mafy ny fanompoana izay nampanaovin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, ny miaramilany tamin' ny namelezany an' i Tyro, ka efa samy tonga sola avokoa ny lohany, sady niendaka ny sorony, nefa tsy nahazo karama avy tany Tyro izy sy ny miaramilany noho ny fanompoana izay nataony tamin' ny namelezany azy. **19** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, homeko an' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, ny tany Egypta, dia halainy ny hareny, ary hobaboiny izay hita ao, ka hataony sambotra izay azo ao, koa izany no ho karaman' ny miaramilany. **20** Ho valin' ny fanompoana nataony tany Tyro no nanomezako azy ny tany Egypta, satria nataony ho Ahy izany, hoy Jehovah Tompo. **21** Amin' izany andro izany dia hampitsimoka tandroka ho an' ny taranak' Isiraely Aho, ary hampiloahiko vava eo aminy ianao; ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah.

30 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, maminania, ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Midradradradrà ianareo! Indrisy ny andro! **3** Fa efa antomotra ny andro, eny, antomotra ny andron' i Jehovah, dia andro mandrahona sy fotoana hamaliana ny jentilisa izany. **4** Ary hisy sabatra tonga any Egypta sy fangorohoroana fatratra any Etiopia, raha miampatrampatra any Egypta ny voatrabaka; Ary ho lasa ny hareny, sady ho rava ny fanorenany. **5** Etiopia sy Libya sy Lydia sy ny olona samy hafa firenena rehetra sy ny Kobiana sy ny zanaky ny tany vita fanekena dia hiaraka ho lavon-tsabatra aminy. **6** Izao no lazain' i Jehovah: Ho lavo koa izay manohana an' i Egypta, ary hietry ny fiavonavonan' ny heriny; Hatrany Migdola ka hatrany Syena no ho lavon-tsabatra izy, hoy Jehovah Tompo. **7** Ho rava dia ho rava izy, ary ny tanànany ho lao dia ho lao. **8** Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah, raha mampirehitra afo any Egypta Aho, ka torotoro izay rehetra manampy azy. **9** Amin' izany andro izany dia hisy iraka mivoaka avy amiko handeha an-tsambo hampahatahotra ny Etiopiana izay mitoetra tsy manahinahy, ka dia hangorohoro tahaka ny tamin' ny andro namelezana an' i Egypta izy; Fa, indro, avy izany. **10** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ny tànan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, no ho entiko mahafoana ny horakorak' i Egypta. **11** Izy sy ny vahoakany manaraka azy, dia ireo masiaka indrindra amin' ny firenena, no ho entina handrava ny tany; Ary hanatsoaka ny sabany hamely an' i Egypta ireny, ka ho feno faty ny tany. **12** Hahatankina an' i Neily sy hivarotra ny tany ho eo an-tànan' ny ratsy fanahy Aho, ary ny tanan' ny fahavalo no ho entiko mandrava ny tany mbamin' izay rehetra ao aminy; Izaho Jehovah no niteny izany. **13** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Horavako koa ny sampy, ary hatsahatro ny andriamani-tsi-izy ao Memfisa; ary tsy hisy mpanjaka intsony amin' ny tany Egypta; **14** Handrava an' i Patrosa Aho sy hampirehitra afo any Zoana, ary hotanterahiko ny fitsarana an' i No; **15** Hampidina ny fahatezerako amin' i Sina, fiarovana mafy any Egypta, Aho, ary hofongorako ny vahoaka be any No. **16** Hampirehitra afo any Egypta Aho; Hiolanolana fatratra Sina noho ny fahararianу; Ho banga No, ary Memifisa dia hasian' ny fahavalo antoandro. **17** Ny zatovon' i Avena sy Pi-beseta ho lavon-tsabatra, sady ho lasan-ko babo ny ao. **18** Any Tapanesa dia ho maizina ny andro, raha tapahiko any ny ziogan' i Egypta, ary hitsahatra ny fiavonavonan' ny heriny; Ho voasaron' ny rahona izy, sady ho lasan-ko babo ny zananivavy. **19** Toy izany no hanatanterahako ny fitsarana an' i Egypta; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah. **20** Ary tamin' ny andro fahafito tamin' ny volana voalohany tamin' ny taona fahiraika ambin' ny folo dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **21** Ry zanak' olona, ny sandrin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, dia efa notorotoroiko, ary he! tsy noharatoina mba ho sitrana izy, na nofehezina lamba, mba hanatanjaka azy hahatan-tsabatra. **22** Koa izany no nanaovan' i Jehovah Tompo hoe: Indro, efa hamely an' i Farao, mpanjakan' i Egypta, Aho, ka hotorotoroiko ny sandriny, na ny mbola matanjaka, na ny efa torotoro; Ary hampilatsaka ny sabatra eny an-tànany Aho. **23** Dia haeliko ho any amin' ny firenena samy hafa ny Egyptiana, ka hahahako any amin' ny tany samy hafa. **24** Fa hampahatanjahiko kosa ny sandrin' ny mpanjakan' i Babylona, ka hataoko eny an-tànany ny sabatro; Fa hotorotoroiko ny sandrin' i Farao, dia hitrona eo anatrehany toy ny fitronan' ny voatrabaka izy. **25** Eny, hampahatanjahiko ny sandrin' ny mpanjakan' i Babylona, dia hiraviravy ny sandrin' i Farao: Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah, raha hataoko eny an-tànan' ny mpanjakan' i Babylona ny sabatro, ka haingainy hamelezana ny tany Egypta. **26** Dia haeliko ho any amin' ny firenena samy hafa ny Egyptiana ka hahahako any amin' ny tany samy hafa; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah.

31 Ary tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahatelo tamin' ny taona fahiraika ambin' ny folo dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, ataovy amin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, sy amin' ny vahoakany maro be hoe: Tahaka an' iza moa ianao amin' ny fahalehibiazanao? **3** Indro, Asyria dia sedera tsara rantsana any Libanona ary misandrahaka manalokaloka sady mijoroaka avo, ka mitehika amin' ny rahona matevina ny tendrony. **4** Ny rano no nahalehibe azy, eny, ny rano lalina no nampijoroaka azy, ary ny ranovelona no nandeha manodidina ny tany nambolena azy ka nampandeha ny lakan-dranony hankamin' ny hazo rehetra any an-tsaha. **5** Koa dia nijoroaka ho avo noho ny hazo rehetra any an-tsaha izy, ary nihamaro ny sampany sady nihalava ny rantsany noho ny habetsahan' ny rano tamin' ny fisandrahany. **6** Teo amin' ny sampany no nanaovan' ny voro-manidina rehetra akany; Ary teo ambanin' ny rantsany no niterahan' ny bibi-dia rehetra; Sady teo amin' ny alokalony no nitoeran' ny firenena malaza rehetra. **7** Ka dia tsara tarehy tamin' ny fahalehibiazany sy ny halavan' ny sampany izy; Fa tany amin' ny rano maro ny fakany. **8** Tsy nahatakona azy ny sedera tao amin' ny sahan' Andriamanitra; Tsy mba nahatoraka ny sampany ny hazo kypreso, tsy mba nanana rantsana tahaka azy ny hazo platana; Ary tsy nisy tsara tarehy tahaka azy ny hazo rehetra tany amin' ny sahan' Andriamanitra. **9** Nohatsaraiko tamin' ny haben' ny rantsany ny tarehiny; Ka dia nialona azy ny hazo rehetra tany Edena, dia ireo tany amin' ny sahan' Andriamanitra. **10** Koa izany no nanaovan' i Jehovah Tompo hoe: Satria nijoroaka avo izy ka nanandratra ny lohany teo amin' ny rahona matevina, ary nirehareha ny fony noho ny hahavony, **11** Dia hatolotro eo an-tànan' ilay mahery amin' ny firenena izy; Hamely azy tokoa io; Noho ny faharatsiany no nandroahako azy. **12** Ary izay fahavalo masiaka indrindra amin' ny firenena no nanapaka azy sady nanary azy; Teny an-tendrombohitra sy teny amin' ny lohasaha rehetra no nihahafan' ny sampany, ary notapatapahina teny amoron' ny ony rehetra amin' ny tany ny rantsany; Ary nidina niala tamin' ny alokalony ny firenena rehetra ka nahafoy avy. **13** Mipetraka eo amin' ny vatany nianjera ny voro-manidina rehetra, ary eny amin' ny sampany ny bibi-dia rehetra, **14** Mba tsy hisy hiavonavona intsony noho ny hahavony ny hazo rehetra eny amoron' ny rano, na hanandratra ny lohany ho eo amin' ny rahona matevina, sady tsy hisy hitoky amin' ny hahavony intsony ny hazo mifo-drano rehetra; Fa voatolotra ho faty izy rehetra ho any ambanin' ny tany, ho ao amin' ny zanak' olombelona, dia any amin' izay midìna any an-davaka. **15** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tamin' ny andro nidinany ho any amin' ny fiainan-tsi-hita dia nampanao fisaonana Aho: Nanarona ny rano lalina noho ny aminy Aho sady nanampina ny ony avy aminy, ka dia najanona ny rano maro; Nampisaoniko Libanona noho ny aminy, ka nalazo noho izany ny hazo rehetra tany an-tsaha. **(Sheol h7585) 16** Tamin' ny fiezinezin' ny fianjerany dia nampihorohoroiko ny firenena, raha nampidiniko ho any amin' ny fiainan-tsi-hita izy, ho naman' izay midìna any an-davaka; Ary ny hazo rehetra any Edena, dia ny nojobonina sady soa indrindra any Libanona, dia izay mifo-drano rehetra, samy nampionona ny tenany any ambanin' ny tany, **(Sheol h7585) 17** Ireo koa dia niara-nidina taminy ho any amin' ny fiainan-tsi-hita, ho any amin' izay voatrabaky ny sabatra, mbamin' ireo izay efa sandriny teo, ka nipetraka teo ambanin' ny alokalony teo amin' ny firenena. **(Sheol h7585) 18** Tahaka an' iza amin' ny hazo any Edena moa ianao amin' izao voninahitra sy fahalehibiazana izao? Hampidinina ho any ambanin' ny tany miaraka amin' ny hazo any Edena ianao; Eo amin' ny tsy voafora no hiamparanao, dia eo amin' izay voa-trabaky ny sabatra. Farao sy ny vahoakany maro be rehetra izany, hoy Jehovah Tompo.

32 Ary tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana faharoa ambin' ny folo tamin' ny taona faharoa ambin' ny folo dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, manaova hira fahalahelovana ny amin' i Farao, mpanjakan' i Egypta, ka ataovy aminy hoe: Nanao ny tenanao ho tahaka ny liona tanora tamin' ny firenena ianao, kanjo tahaka ny dragona ao anatin' ny rano be; Ary nitsoriaka teny amin' ny oninao ianao dia nanakobankobana ny rano tamin' ny tongotrao ka nahaloto ny ony. **3** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ny firenena betsaka tafatambatra no ho entiko mamelatra ny haratoko aminao, ary hakarin' ireny amin' ny haratoko ianao, **4** Dia hatsipiko eny an-tanety ianao ary hariako any an-tsaha, dia hampitangoroniko eo aminao ny voro-manidina rehetra, ary homeko hivokisan' ny bibi-dia rehetra ny tenanao. **5** Haeliko eny an-tendrombohitra ny nofonao, ary hofenoiko ny tenabenao ny lohasaha. **6** Hataoko safotry ny rànao ny tany Hatramin' ny tendrombohitra aza; Ary ho feno anao ny ony. **7** Ary raha hovonoiko ny fahazavanao, dia hosaronako ny lanitra: Hotafiako lamba fisaonana ny kintany; Ny masoandro hotakonako rahona, ary ny volana tsy hangarangarana. **8** Eny, ireny fanazavana eny amin' ny lanitra ireny dia hotafiako lamba fisaonana avokoa noho ny aminao, ary hosaronako aizina ny taninao, hoy Jehovah Tompo. **9** Hataoko mitebiteby koa ny fon' ny firenena maro, raha hampandrenesiko ny firenena maro ny naharavanao, dia any amin' ny tany izay tsy fantatrao **10** Eny, hataoko talanjona anao ny firenena maro, Ary hipararetra noho ny aminao ny mpanjakany, raha hantsodiko eo imasony ny sabatro, ary samy hangovitra lalandava izy amin' ny fanahiany ny ainy, raha mby amin' ny andro haharavanao. **11** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ny sabatry ny mpanjakan' i Babylona dia ho tonga aminao. **12** Ny sabatry ny mahery, izay samy masiaka indrindra amin' ny firenena, ho entiko mandavo ny vahoakanao maro be, dia horavany ny reharehan' i Egypta, ka ho fongotra ny vahoakany maro be rehetra. **13** Haringako koa ny biby fiompiny rehetra eny amoron' ny rano maro, ary tsy hanakobankobana azy intsony ny tongotry ny olona, na handoto azy ny kitron' ny biby fiompy. **14** Dia hahenako ny ranony, ary hampandehaniko toy ny diloilo ny oniny, hoy Jehovah Tompo, **15** Raha hataoko lao ny tany Egypta, ka hofoanako tsy hisy na inona na inona izay nahafeno azy teo; Ary haringako ny monina rehetra ao aminy, dia ho fantatra fa

Izaho no Jehovah. **16** Izany no hira fahalahelovana hataon' ny olona; Ny zanakavavin' ny firenena no hihira izany; Eny, ho fahalahelovana an' i Egypta sy ny vahoakany maro be rehetra no hihirany izany, hoy Jehovah Tompo. **17** Ary tamin' ny andro fahadimy ambin' ny folo tamin' ny volana tamin' ny taona faharoa ambin' ny folo dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **18** Ry zanak' olona, isaony ny vahoaka maroben' i Egypta, ary ampidino izy mbamin' ny zanakavavin' ny firenena malaza ho any ambanin' ny tany, miaraka amin' izay midìna any an-davaka. **19** Mihoatra noho ny an' iza moa ny hatsaran-tarehinao? Midìna, ka miampara amin' izay tsy voafora. **20** Any amin' ny voatrabaky ny sabatra no hiampatramparany; Ny sabatra dia efa voatolotra; Tariho izy mbamin' ny vahoakany maro be rehetra. **21** Izy sy ny nanampy azy no resahin' ireo malaza amin' ny lehilahy mahery any amin' ny fiainan-tsi-hita manao hoe: Tafidina ka miampatra ny tsy voafora, dia ireo voatrabaky ny sabatra. **(Sheol h7585)** **22** Ao koa Asyria mbamin' ny vahoakany maro be rehetra; Manodidina azy ny fasany; Voatrabaka izy rehetra, samy lavon' ny sabatra; **23** Efa natao any am-paravodi-lavaka ny fasany, ary ny vahoakany maro be dia manodidina ny fasany; Voatrabaka izy rehetra, samy lavon' ny sabatra, dia ireo izay nahatonga tahotra tany amin' ny tanin' ny velona. **24** Ao koa Elama mbamin' ny vahoakany maro be rehetra manodidina ny fasany; Voatrabaka izy rehetra, samy lavon' ny sabatra, ka tafidina tsy voafora ho any ambanin' ny tany, dia ireo nahatonga ny fahatahorana azy tany amin' ny tanin' ny velona, ary samy mitondra henatra miaraka amin' izay midìna any an-davaka. **25** Teo amin' ny voatrabaka no nanaovana fandriana ho azy mbamin' ny vahoakany maro be rehetra; Manodidina azy ny fasany, izy rehetra samy tsy voafora sady voatrabaky ny sabatra, fa efa niely tany amin' ny tanin' ny velona ny fahatahorana azy, ary samy mitondra henatra miaraka amin' izay midìna any an-davaka izy; Ao amin' ny voa-trabaka no nametrahany azy. **26** Ao koa Meseka-tobala mbamin' ny vahoakany maro be rehetra; Manodidina azy ny fasany; Samy tsy voafora izy rehetra sady voatrabaky ny sabatra, satria nahatonga ny fahatahorana azy tany amin' ny tanin' ny velona izy. **27** Ary tsy hiara-miampatra amin' ny lehilahy mahery izay lavo isan' ny tsy voafora izy, dia ireo tafidina any amin' ny fiainan-tsi-hita ka mitondra ny fiadiany, sady voapetraka eo ambanin' ny lohany ny sabany. Ary ao amin' ny taolany ny helony, satria nampahatahotra ny mahery tany amin' ny tanin' ny velona izy. **(Sheol h7585)** **28** Eny, ianao dia haripaka ao amin' ny tsy voafora ka hiara-miampatra amin' ny voatrabaky ny sabatra. **29** Ao koa Edoma mbamin' ny mpanjakany sy ny mpanapaka rehetra tao aminy, Izay natao ao amin' ny voatrabaky ny sabatra, na dia be aza ny heriny, miara-miampatra amin' ny tsy voafora izy sy amin' izay midìna any an-davaka. **30** Ao koa ireo andrianan' ny avaratra rehetra sy ny Sidoniana rehetra, izay niara-nidina tamin' ny voatrabaka menatra izy, na dia efa natahorana noho ny heriny aza, ary miampatra tsy voafora ao amin' izay voatrabaky ny sabatra izy ka mitondra henatra ao amin' izay midìna any an-davaka. **31** Ireny dia ho hitan' i Farao, ka dia hionona izy ny amin' ny vahoakany maro be. Voatrabaky ny sabatra parao mbamin' ny miaramilany rehetra, hoy Jehovah Tompo. **32** Fa efa nahatonga ny fahatahorana azy tany amin' ny tanin' ny velona Aho; Ary Farao dia halevina ao amin' ny tsy voafora, miaraka amin' ireo voatrabaky ny sabatra, dia Farao mbamin' ny vahoakany maro be rehetra, hoy Jehovah Tompo.

33 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, mitenena amin' ny zanaky ny firenenao, ka lazao aminy hoe: Raha mahatonga sabatra amin' ny tany anankiray Aho, ary ny tompon-tany maka lehilahy anankiray ao aminy ka manendry azy ho mpitily, **3** ary hitan-dralehilahy fa, indro, avy ny sabatra, ka mitsoka ny anjomara hampitaitra ny olona izy, **4** nefa tsy mety taitr izay mandre ny feon' ny anjomara, dia tonga ny sabatra ka mandripaka azy, dia ho eo an-dohany ihany ny ràny. **5** Nandre ny feon' ny anjomara ihany izy, nefa tsy nety taitra; ho ao aminy ihany ny ràny; fa raha nety taitra izy, dia ho nahavonjy ny ainy ihany. **6** Fa raha hitan' ilay mpitily kosa fa, indro, avy ny sabatra, nefa tsy nitsoka ny anjomara izy, ka tsy notairina ny olona, ary tonga ny sabatra ka mandringana olona ao aminy, dia matin' ny helony ihany iny; nefa ny ràny dia hadiniko amin' ny tànan' ilay mpitily. **7** Koa ianao, ry zanak' olona, dia efa notendreko ho mpitily ho an' ny taranak' Isiraely, ka raha mandre ny teny aloaky ny vavako ianao, dia izany no ho entinao mananatra azy. **8** Raha hoy Izaho amin' ny ratsy fanahy: He! ry ilay ratsy fanahy, ho faty tokoa ianao! nefa tsy mety mananatra azy ianao hiala amin' ny alehany, dia ho fatin' ny helony ihany izany ratsy fanahy izany, fa ny ràny dia hadiniko amin' ny tananao. **9** Fa raha mananatra ny ratsy fanahy ihany kosa ianao hiala amin' ny lalany ratsy; fa izy no tsy mety miala amin' izany, dia ho fatin' ny helony ihany izy, nefa voavonjinao ny ainao. **10** Ary ianao, ry zanak' olona, mitenena amin' ny taranak' Isiraely hoe: Izao no fiteninareo: Eto aminay ny fahadisoanay sy ny fahotanay, ka mihalevona amin' izany izahay, dia nahoana no mbola velona izahay? **11** Lazao aminy hoe: Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy sitrako ny hahafatesan' ny ratsy fanahy, fa ny hialan' ny ratsy fanahy amin' ny lalany, mba ho velona izy. Mialà, mialà amin' ny lalan-dratsinareo, fa nahoana moa no te-ho faty ianareo, ry taranak' Isiraely? **12** Ary ianao, ry zanak' olona' lazao amin' ny zanaky ny firenenao hoe: Ny fahamarinan' ny marina tsy hahavonjy azy, raha mby amin' ny andro ahadisoany; ary ny faharatsian' ny ratsy fanahy tsy hahavoa azy, raha mby amin' ny andro ialany amin' ny faharatsiany; ary ny marina tsy ho velona noho ny fahamarinany, raha mby amin' ny andro anotany. **13** Raha lazaiko amin' ny marina hoe: Ho velona tokoa ianao, nefa izy mitoky amin' ny fahamarinany ka manao meloka, dia tsy hotsarovana ny fahamarinana rehetra izay nataony, fa ny heloka nataony no hahafaty azy. **14** Ary koa, raha hoy Izaho kosa amin' ny ratsy fanahy: Ho faty tokoa ianao, nefa miala amin' ny fahotany izy sady manao izay marina sy mahitsy. **15** ka mamerina ny natao tsatòka sady mampody izay nangalariny ary mandeha

araka ny didy mahavelona ka tsy manao meloka, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty. **16** Ny fahotana rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana aminy intsony; manao izay marina sy mahitsy izy, ka dia ho velona tokoa. **17** Kanefa, hoy ny zanaky ny firenenao: Tsy marina ny fitondran' ny Tompo; nefa ny fitondran' ny tenany no tsy marina. **18** Raha ny marina miala amin' ny fahamarinany ka manao meloka, dia ho faty amin' izany izy. **19** Ary raha ny ratsy fanahy miala amin' ny faharatsiany ka manao izay marina sy mahitsy, dia ho velona amin' izany izy. **20** Kanefa, hoy ianareo: Tsy marina ny fitondran' ny Tompo. He! ry taranak' Isiraely, samy hotsaraiko araka ny alehany avy ianareo. **21** Ary nony tamin' ny andro fahadimy tamin' ny volana fahafolo tamin' ny taona faharoa ambin' ny folo taorian' ny namaboana antsika, dia nisy olona efa nandositra avy tany Jerosalema tonga tao amiko ka nanao hoe: Afaka ny tanàna. **22** Dia efa tonga tamiko ny tànan' i Jehovah tamin' ny omaly harivan' ny andro nahatongavan' ilay nandositra izay tonga tao amiko, ka nosokafany ny vavako mandrapahatongan' ilay nandositra, izay tonga tao amiko nony maraina; dia efa nisokatra ny vavako, ka tsy moana intsony aho. **23** Dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **24** Ry zanak' olona, ny monina amin' ireny rava amin' ny tanin' ny Isiraely ireny dia manao hoe: Ireny ihany Abrahama, nefa nandova ny tany izy, fa isika kosa dia maro, ary omena antsika ny tany ho lovantsika **25** Koa lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Homan-javatra misy rà sady miandrandra ny sampinareo ianareo ary mandatsadrà, moa hahazo handova ny tany va ianareo? **26** Mitoky amin' ny sabatrareo ianareo sady manao fahavetavetana, ka samy mandoto ny vadin' ny namany avy; koa hahazo handova ny tany va ianareo? **27** Izao no holazainao aminy: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Raha velona koa Aho, dia tsy maintsy ho lavon' ny sabatra izay ao amin' ny tanàna rava, ary izay any an-tsaha dia homeko ho rembin' ny bibidia, ary izay ao amin' ny harambato sy amin' ny lava-tany dia ho fatin' ny areti-mandringana. **28** Fa hataoko rava sy lao ny tany, ary hitsahatra ny fiavonavonan' ny heriny; ho lao ny tendrombohitry ny Isiraely, ka tsy hisy mpandia azy. **29** Dia ho fantany fa Izaho no Jehovah, raha hataoko rava sy lao ny tany noho ny fahavetavetana nataony. **30** Ary ianao, ry zanak' olona, ny zanaky ny firenenao dia miresaka anao eny am-bodirindrina sy eo am-baravaran' ny tranony, ka samy manao amin' ny rahalahiny hoe: Andeha isika, ary aoka handre izay teny avy amin' i Jehovah. **31** Dia mankao aminao tahaka ny fihavin' ny olona izy ka mipetraka eo anatrehanao toa oloko ary mahare ny teninao, nefa tsy mety mankatò azy; fa, indro, teny mamy no lazain' ny vavany, nefa ny fony dia lasa manaraka ny filan-karena. **32** Koa, indro, ianao dia ataony ho tahaka ny mpanao hira mahafinaritra, izay tsara feo sady mahay mitendry; fa mandre ny teninao izy, nefa tsy mety mankatò azy. **33** Ary nony tanteraka izany (indro, efa ho tanteraka ihany), dia ho fantany fa efa nisy mpaminany tokoa tao aminy.

34 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, maminania ny hamelezana ny mpiandry ny Isiraely, eny, maminania, ka ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Lozan' ny mpiandry ondrin' ny Isiraely izay mamahan-tena! Moa tsy ny ondry va no tokony handrasan' ny mpiandry? **3** Ny taviny dia haninareo, ary ny volony tafinareo, ny nafahy vonoinareo; nefa ny ondry tsy mba andrasanareo. **4** Tsy manatanjaka ny malemy ianareo, na manasitrana ny marary, na manamatra ny folaka, na mampody ny noroahina, na mikatsaka ny very; fa loza loatra ny fampanomponareo azy. **5** Dia miely izy, satria tsy misy mpiandry; ary rehefa miely izy, dia tonga rembin' ny bibidia rehetra. **6** Mirenireny eny an-tendrombohitra sy eny amin' ny havoana andrandraina rehetra ny ondriko; eny, any amin' ny tany rehetra no ielezan' ny ondriko, ary tsy misy mitady na miahy azy. **7** Koa mihainoa ny tenin' i Jehovah ianareo, ry mpiandry ondry: **8** Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, noho ny nahababoan' ny ondriko sy ny nahatongavan' ny ondriko ho rembin' ny bibidia rehetra, satria tsy nisy mpiandry azy, fa tsy nitady ny ondriko ny mpiandry, fa ny mamahan-tena kosa no ataony, ka tsy namahana ny ondriko, **9** dia mihainoa ny tenin' i Jehovah ianareo, ry mpiandry ondry. **10** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, avy hamely ny mpiandry ondry Aho, dia hampamoahiko ny amin' ny ondriko izy ka hesoriko tsy hiandry ny ondry intsony; dia tsy hamahan-tena intsony ny mpiandry ondry, fa hovonjeko eo amin' ny vavany ny ondriko mba tsy ho azony hohanina intsony. **11** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, Izaho, eny, Izaho no hiahy ny ondriko sy handinidinika azy. **12** Toy ny fandinidiniko ny mpiandry ny ondriny amin' izay andro hahatratrarany ny ondriny izay efa niely, dia toy izany no handinidinihako ny ondriko sy hamonjeko azy avy any amin' izay rehetra efa nielezany tamin' ny andro mandrahona sy maizimpito. **13** Ary ho entiko mivoaka avy any amin' ny firenena izy ka hangoniko avy any amin' ny tany samy hafa, dia ho entiko ho any amin' ny taniny sy handrasako eny an-tendrombohitry ny Isiraely sy eny an-dohasahan-driaka izy ary eny amin' izay tsara honenana rehetra eran' ny tany. **14** Eny amin' ny tany tsara ho fiandrasana no hiandrasako azy, ary eny an-tendrombohitra avon' ny Isiraely no ho tany hiandrasana azy; ao no handriany amin' ny tany tsara, ary eny amin' ny fiandrasana tsara ahitra no hihinanany, dia any an-tendrombohitry ny Isiraely. **15** Izaho no hiandry ny ondriko, ary Izaho no hampandry azy, hoy Jehovah Tompo. **16** Ny very hotadiaviko, ny voaroaka hampodiko, ny folaka hohamarako, ny malemy hohatanjahiko; fa ny matavy sy ny matanjaka kosa dia haringako ka handrasako amin' ny fitsarana. **17** Ary ny aminareo, ry ondriko, izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hotsaraiko ny adin' ny ondry aman' osy, dia ny ady ataon' ny ondrilahy sy ny osilahy namany aminy. **18** Moa ataonareo ho zavatra kely va ny nandanianareo ny ahitra tsara, no dia nohosihosen' ny tongotrareo ny ahitrareo sisa, ary ny efa nisotroanareo ny rano madio, no dia nolotoin' ny tongotrareo ny sisa? **19** Ary ny amin' ny ondriko, moa izay voahosihosin' ny tongotrareo va no hohaniny, ary izay voaloton' ny tongotrareo va no hosotroiny? **20** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo aminy: Indro, Izaho, eny, Izaho no hitsara ny adin' ny ondry

matavy amin' ny ondry mahia. **21** Satria ny tehezanareo sy ny sorokareo no entinareo manosika ny marary rehetra, ary ny tandrokareo no entinareo manoto azy mandra-pandronjinareo azy ho any ivelany; **22** dia hovonieko ny ondriko, ary tsy ho babo intsony izy, ary hotsaraiko ny adin' ny ondry amin' ny ondry namany. **23** Ary hanangana Mpiandry iray ho azy Aho, Izy no hiandry azy, dia Davida Mpanompoko, ka Izy no hitondra azy sy ho Mpiandry azy. **24** Ary Izaho Jehovah no ho Andriamaniny, ary Davida Mpanompoko no ho Mpanapaka ao aminy. Izaho Jehovah no niteny izany. **25** Ary hanao fanekem-pihavanana aminy Aho ka hampiala ny biby masiaka tsy ho eo amin' ny tany intsony, dia handry fahizay izy na dia any an-efitra aza, sady hatory na dia any anaty ala aza. **26** Ary izy sy ny manodidina ny havoanako dia hataoko fitaziana, ary hampilatsaka ranonorana amin' ny fotoany Aho, dia ranonoram-pitahiana mivatravatra. **27** Ary hamoa ny hazo any an-tsaha, sady hahavokatra ny tany, ary handry fahizay amin' ny tany izy; ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah, raha hotapahiko ny ziogany, ary hovonjeko amin' ny tànan' izay nampanompo azy izy. **28** Ary tsy ho babon' ny jentilisa na ho rembin' ny bibi-dia intsony izy, fa handry fahizay, ary tsy hisy hanaitaitra azy. **29** Ary hampaniry voly ho laza ho azy Aho, ka tsy ho ritry ny mosary amin' ny tany intsony izy, na hitondra ny latsan' ny jentilisa intsony; **30** ka dia ho fantany fa Izaho, Jehovah Andriamaniny, no momba azy, ary izy, taranak' Isiraely, no oloko, hoy Jehovah Tompo. **31** Ary ny aminareo ondriko ondry fiandriko olona ianareo, ary Izaho no Andriamanitrareo, hoy Jehovah Tompo.

35 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, manandrifia ny tendrombohitra Seïra, ka maminania ny hamelezana azy, **3** dia ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, avy hamely anao Aho, ry tendrombohitra Seïra, ary hahinjitro aminao ny tanako, ka hataoko foana sy lao ianao. **4** Ny tanànanao hataoko korontam-bato, ary ianao ho lao; Ka dia ho fantatrao fa Izaho no Jehovah. **5** Noho ny fandrafianao hatry ny fony ela sy ny nanoloranao ny zanak' Isiraely ho fatin' ny sabatra, fony tamin' ny andro nahitany loza, dia ny fotoan' ny heloka mahafaty, **6** Dia izao no lazain' i Jehovah: Raha velona koa Aho, dia hataoko manjary rà ianao, ary rà no hanenjika anao; Satria tsy nankahalainao ny rà, dia rà kosa no hanenjika anao. **7** Hataoko foana sy lao ny tendrombohitra Seïra, sady hataoko tsy misy intsony ny mandroso sy ny miverina, **8** Ary hofenoiko ny olony voavono ny tendrombohiny; Eny, ao amin' ny havoananao sy ny lohasahanao Ary amoron' ny lohasahan-driakanao rehetra no hiampatramparan' izay voatrabaky ny sabatra. **9** Hataoko rava mandrakizay ianao, ary tsy honenana intsony ny tanànanao; Ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **10** Ary noho ny nanaovanao hoe: Ireto firenena roa ireto sy ireto tany roa ireto dia ho ahy avokoa, Ka hanana azy izahay kanefa teo ihany Jehovah **11** Dia izao no lazain' i Jehovah: Raha velona koa Aho, dia hanao araka ny fahatezeranao sy ny fialonanao Aho, izay nataonao noho ny fandrafianao azy; Ary hampahafantariko ao aminy ny tenako amin' ny hitsarako anao. **12** Ka dia ho fantatrao fa Izaho Jehovah no efa nandre ny fanaratsiana, izay nolazainao ny amin' ireny tendrombohitry ny Isiraely hoe: Foana ireny ka nomena anay ho fivelomanay. **13** Ary nanao teny miavonavona namely Ahy ianareo sy nanamaro ny teninareo namely Aha; efa reko izany. **14** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Rehefa mifaly ny tany rehetra, dia hofoanako kosa ianao, **15** Toy ny nifalianao ny amin' ny lovan' ny taranak' Isirady, satria nofoanana ireny, dia toy izany kosa no hataoko aminao: Ho foana ianao, ry tendrombohitra Seïra sy Edoma rehetra; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah.

36 Ary ianao, ry zanak' olona, maminania amin' ny tendrombohitry ny Isiraely, ka ataovy hoe: Ry tendrombohitry ny Isiraely, mihainoa ny tenin' i Jehovah: **2** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nanaovan' ny fahavalo anareo hoe: Hià! efa lasanay ny havoana fahagola! **3** Dia maminania, ka lazao hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nandravany anareo sy ny nisafoahany nanenjika anareo avy amin' ny tany manodidina, ka dia efa lasan' ny jentilisa sisa ho fananany ianareo, sady efa nataon' ny molotry ny mpibedibedy fitenenana ka efa ambentinteny amin' ny firenena, **4** Dia mihainoa ny tenin' i Jehovah Tompo, ry tendrombohitry ny Isiraely: Izao no lazain' i Jehovah Tompo amin' ny tendrombohitra sy ny havoana, ny lohasahan-driaka sy ny lohasaha ary amin' ny korontam-bato sy ny tanàna haolo, izay efa babo sy fandatsa ho an' ny firenena sisa amin' ny manodidina, **5** Eny, izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tamin' ny afon' ny fahasaro-piaroko no nitenenako tokoa Namely ny firenena sisa sy Edoma rehetra, Izay nahalasa ny taniko ho fananany Tamin' ny hafalian' ny fony tokoa sy tamin' ny fanahy mamingavinga, mba hangoronany azy ho babo. **6** Koa maminania ny amin' ny tanin' ny Isiraely, ka lazao amin' ny tendrombohitra sy ny havoana ary ny lohasahan-driaka sy ny lohasaha hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: (Indro, tamin' ny fahasaro-piaroko sy ny fahatezerako no nitenenako): Noho ny nitondranareo latsa tamin' ny firenena, **7** Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo: Izaho efa nanangan-tanana nanao hoe; Ny firenena manodidina anareo no hitondra henatra. **8** Fa ianareo kosa, ry tendrombohitry ny Isiraely, dia hisandrahaka sy hahavokatra ho an' ny Isiraely oloko; Fa efa antomotra ny hihavian' ireny. **9** Fa, indro, hitodika ho aminareo Aho ka hanatrika anareo; Dia hasaina sy hofafazana ianareo; **10** Ary hahamaro ny olona eny aminareo Aho, dia ny taranak' Isiraely rehetra rehetra, ary honenana ny tanàna, ka haorina indray ny efa rava; **11** Dia hampitombo olona sy biby fiompy eny aminareo Aho, ka hitombo sy hiteraka ireo; Hametrahako mponina tahaka ny taloha any aminareo, ary hanisy soa anareo mihoatra noho ny tamin' ny niandohanareo Aho; Ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **12** Eny, hampivoivoy olona eny aminareo Aho, dia ny Isiraely oloko; Dia hanana anareo izy ka hahalasa anareo ho lovany, ary tsy hahalany fara azy intsony ianareo. **13** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Noho ny nanaovany taminareo hoe: Hianao, ry tany, dia mandany olona, Sady mahalany fara ny firenenao,

14 Dia tsy handany olona intsony ianao, na hahalavo ny firenenao intsony, hoy Jehovah Tompo. **15** Ary hataoko tsy mahare ny latsan' ny jentilisa intsony ianao Sady tsy hitondra ny fanaratsian' olona intsony; Ary tsy hahalavo ny firenenao intsony ianao, hoy Jehovah Tompo. **16** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **17** Ry zanak' olona, ny taranak' Isiraely nonina tany amin' ny taniny, dia nandoto izany tamin' ny fanaony sy tamin' ny asany izy; fa tahaka ny fahalotoan' ny vehivavy mararin' ny fadimbolana no fahalotoan' ny fanaony eo anatrehako. **18** Ka dia naidiko ho aminy ny fahatezerako mirehitra noho ny rà nalatsany teo amin' ny tany sy noho ny nandotoany izany tamin' ny sampiny. **19** Ary naeliko ho any amin' ny firenena izy ka nahahaka ho any amin' ny tany samy hafa; araka ny fanaony sy ny asany no nitsarako azy. **20** Ary nony tonga tany amin' ny firenena izay nalehany izy, dia tonga fandotoana ny anarako masìna tamin' ny nanaovan' ny olona azy hoe: Ireo no olon' i Jehovah, nefa niala tamin' ny tanin' i Jehovah izy. **21** Dia namindrako fo ny anarako masìna, izay nolotoin' ny taranak' Isiraely tany amin' ny firenena izay nalehany. **22** Koa atsovy amin' ny taranak' Isiraely hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Tsy noho ny aminareo no anaovako izany, ry taranak' Isiraely, fa noho ny anarako, masìna, izay nolotoinareo tany amin' ny jentilisa izay nalehanareo. **23** Ary hohamasiniko ny anarako lehibe izay efa nolotoinareo tany amin' ny jentilisa, ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah, hoy Jehovah Tompo, rehefa miseho ho masìna eo imasony Aho amin' ny ataoko aminareo. **24** Fa halaiko avy any amin' ny jentilisa ianareo ary hangoniko avy any amin' ny tany rehetra ka ho entiko ho any amin' ny taninareo. **25** Dia hofafazako rano madio ianareo, ka hadio; ny mba ho afaka amin' ny fahalotoanareo rehetra sy ny sampinareo rehetra no hanadiovako anareo. **26** Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin' ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo ianareo. **27** Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy. **28** Ary honina any amin' ny tany izay nomeko ny razanareo ianareo, ka ho oloko ianareo, ary Izaho ho Andriamanitrareo. **29** Ary hovonjeko ho afaka amin' ny fahalotoanareo rehetra ianareo, ary hantsoiko sy hataoko vokatra ny vary, ary tsy hanaterako mosary intsony ianareo; **30** ary hataoko vokatra koa ny voankazo sy ny vokatry ny saha, mba tsy ho voalatsan' ny jentilisa amin' ny mosary intsony ianareo. **31** Dia hotsarovanareo ny lalan-dratsinareo sy ny fanao tsy metinareo, ka dia haharikoriko anareo ny tenanareo noho ny fahadisoanareo sy ny fahavetavetanareo. **32** Tsy noho ny aminareo no anaovako izany, hoy Jehovah Tompo aoka ho fantatrareo izany; koa menara sy mangaihaiza ianareo noho ny lalanareo, ry taranak' Isiraely. **33** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Amin' ny andro hanadiovako anareo ho afaka amin' ny helokareo rehetra dia hametrahako mponina ao amin' ny tanana, ary haorina indray ny efa rava. **34** Ary hasaina ny tany efa lao, fa tsy ho lao eo imason' ny mpandalo rehetra intsony izy. **35** Fa holazainy hoe: Ity tany efa lao ity dia tonga tahaka ny saha Edena; ary ny tanàna efa foana sy lao dia misy mponina sady asiana manda; **36** ka dia ho fantatry ny jentilisa sisa manodidina anareo fa Izaho Jehovah no manorina indray ny efa rava sy mamboly izay efa foana. Izaho Jehovah no niteny sady hahatanteraka izany. **37** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Mbola hotadiavin' ny taranak' Isiraely Aho amin' ny hanaovako izao ho azy; hohamaroiko toy ny ondry ny olony. **38** Toy ny ondry aman' osy masìna, izay any Jerosalema amin' ny fotoam-pivavahana, dia toy izany no hahafenoan' ny tanànany efa lao amin' ny olona maro toy ny ondry aman' osy; ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah.

37 Tao amiko ny tànan' i Jehovah, ary ny Fanahy no nitondran' i Jehovah ahy nivoaka, dia napetrany teo amin' ny lohasaha feno taolana aho. **2** Ary nitondra ahy nandehandeha teny amin' ireo Izy; ary, indreo, betsaka dia betsaka teny amin' ny lohasaha ireo, ary, indreo, maina dia maina Ireo. **3** Ary hoy Jebovah tamiko: Ry zanak' olona, moa mety ho velona ihany va ireto taolana ireto? Ary hoy izaho: Jehovah Tompo ô, Hianao no mahalala. **4** Dia hoy indray Izy tamiko: Maminania amin' ireto taolana ireto, ka ataovy aminy hoe: Ry taola-maina, mihainoa ny tenin' i Jehovah! **5** Izao no lazain' i Jehovah Tompo amin' ireto taolana ireto: Indro, hasiako fofonaina ianareo ka ho velona; **6** ary hasiako ozatra ianareo ka hampaniriko nofo; ary hosaronako hoditra ianareo; ary hasiako fofonaina ianareo ka ho velona; ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah. **7** Dia naminany aho araka izay efa nandidiana ahy, ary nony efa naminany aho, dia injany! nisy feo, ary, indreo, nihetsiketsika sady nifanatonatona ny taolana, samy nanatona ny taolana namany avy. **8** Ary hitako fa, indro, naniry ny ozatra sy ny nofo, ary nisarona hoditra izy, nefa tsy mbola nisy fofonaina tao aminy. **9** Dia hoy Izy tamiko: Maminania amin' ny fofonaina, eny, maminania, ry zanak' olona, ka ataovy amin' ny fofonaina hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Manatona avy amin' ny rivotra efatra, ry fofonaina, ka tsotsofy ireo voavono ireo, mba ho velona izy. **10** Dia naminany araka izay efa nandidiany ahy aho, ka dia nidiran' ny fofonaina ireo ka velona, dia nijoro tamin' ny tongony izy maro be dia maro be tokoa. **11** Dia hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, ireto taolana ireto dia ny taranak' Isiraely rehetra; indreo izy manao hoe: Maina ny taolanay, levona ny fanantenanay, fongotra izahay. **12** Koa maminania, ka ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, ry oloko, Izaho no hanokatra ny fasanareo, ary hampiakariko avy amin' ny fasanareo ianareo, ka ho entiko ho any amin' ny tanin' ny Isiraely; **13** ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah, raha manokatra ny fasanareo Aho, ry oloko, ka mampiakatra anareo hiala amin' ny fasanareo. **14** Ary hataoko ao anatinareo ny Fanahiko, dia ho velona ianareo, ary hamponeniko any amin' ny taninareo ianareo; ka dia ho fantatrareo fa Izaho Jehovah no efa niteny sady nahatanteraka izany, hoy Jehovah. **15** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **16** Ary ianao, ry zanak' olona, dia mangalà tapa-kazo iray, ka asio soratra hoe: Ho an' ny Joda sy ho an' ny zanak' Isiraely namany; dia mangalà tapa-kazo anankiray

koa, ka asio soratra hoe: Ho an' i Josefa dia tapa-kazon' i Efraima sy ho an' ny taranak' Isiraely namany rehetra. **17** Ary ampifanatony izy roa ho tonga tapa-kazo iray ihany, dia ho iray eny an-tananao izy. **18** Ary raha miteny aminao ny zanaky ny firenenao manao hoe: Moa tsy hilaza izay hevitrao amin' izany va ianao? **19** dia ataovy aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, Izaho haka ny tapa-kazon' i Josefa, izay eny an-tanan' i Efraima, sy ny firenen' ny Isiraely namany, ary hakambako ho eo amin' ny tapa-kazon' i Joda izy, ary hataoko tapa-kazo iray ihany izy ka ho tonga iray eny an-tanako. **20** Ary ny tapa-kazo izay hasianao soratra dia ho eny an-tananao eo imasony. **21** Dia lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, Izaho haka ny zanak' Isiraely avy any amin' ny jentilisa izay nalehany, eny, hangoniko avy any amin' ny manodidina any izy ka ho entiko ho any amin' ny taniny: **22** ary hataoko ho firenena iray any amin' ny tany izy, dia any an-tendrombohitry ny Isiraely, ary mpanjaka iray ihany no ho mpanjakan' izy rehetra, ka tsy ho firenena roa intsony izy ary tsy hisaraka ho fanjakana roa intsony. **23** Ary tsy handoto tena amin' ny sampiny, na amin' ny fahavetavetany, na amin' ny fahadisoany intsony izy; fa hovonjeko ho afaka amin' ny fonenany rehetra izay nanotany izy, ary hodioviko izy, ka dia ho oloko, ary Izaho ho Andriamaniny. **24** Ary Davida Mpanompoko no ho Mpanjakany; ary hiray Mpiandry izy rehetra, dia handeha araka ny fitsipiko izy sady hitandrina ny lalàko sy hankatò izany. **25** Ary honina any amin' ny tany izay nomeko an' i Jakoba mpanompoko izy, dia ilay efa nonenan' ny razanareo, ka honina any izy sy ny zanany mbamin' ny zafiny mandrakizay; ary Davida mpanompoko no ho Mpanapaka azy mandrakizay. **26** Ary hanao fanekem-pihavanana ho azy Aho, ka ho fanekena mandrakizay eo aminy any, ary hametraka sy hahamaro azy Aho sady hametraka ny fitoerako masìna eo aminy mandrakizay. **27** Ary ny tabernakeliko ho eo aminy; ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko. **28** Ka dia ho fantatry ny jentilisa fa Izaho Jehovah no manamasìna ny Isiraely amin' ny isian' ny fitoerako masìna eo aminy mandrakizay.

38 Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Ry zanak' olona, manandrifia an' i Goga avy any amin' ny tany Magoga, izay mpanjakan' i Rosy sy Meseka ary Tobala, ary maminania ny hamelezana azy, **3** ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, avy hamely anao Aho, ry Goga, mpanjakan' i Rosy sy Meseka ary Tobala. **4** Ary hitarika anao Aho ka hanisy masom-by ny valanoranonao, ary ho entiko mivoaka ianao sy ny tafikao rehetra, dia ny soavaly sy ny mpitaingin-tsoavaly, samy mitafy marevaka izy rehetra, dia olona maro be mitondra ampinga lehibe sy ampinga kely, ary samy mitantsabatra; **5** miaraka aminy ny Persiana sy ny Etiopiana ary ny Libyana, samy mitondra ampinga lehibe sy fiarovandoha avokoa, **6** Gomera koa mbamin' ny miaramilany rehetra, ny taranak' i Togarma avy any amin' ny farany avaratra mbamin' ny miaramilany rehetra, dia firenena maro izay miaraka aminao. **7** Miomana, ka mitaova tsara ianao, eny, ianao sy ireo momba anao izay efa mivory ao aminao, ary aoka ianao no ho mpitarika azy. **8** Rehefa afaka andro maro, dia hotadiavina ianao, raha mby any am-parany, dia ho tonga any amin' ny tany izay novonjena ka afaka tamin' ny sabatra ianao, dia tany novorina avy tany amin' ny firenena maro, any an-tendrombohitry ny Isirady, izay efa lao hatry ny ela; fa efa navoaka avy tany amin' ny firenena izy, ka dia mandry fahizay izy rehetra. **9** Eny, hiakatra ianao, ary ho tahaka ny fihavin' ny rivo-doza no hihavianao, ka ho tahaka ny rahona hanarona ny tany dia ianao sy ny miaramilanao rehetra mbamin' ny firenena maro izay miaraka aminao. **10** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Amin' izany andro izany dia hisy eritreritra hiditra ao an-tsainao, ary hamoron-kevi-dratsy ianao **11** ka hanao hoe: Hiakatra aho hamely ny tany izay misy tanàna tsy mimanda; hankamin' izay mandry fahizay sy mitoetra tsy manana ahiahy aho, samy, monina ao an-tanàna tsy misy manda na hidy na vavahady izy rehetra, **12** mba hamabo sy handroba ary hamely indray izay efa rava, saingy vao misy mponina ankehitriny izao, ary ny firenena izay nangonina avy tany amin' ny jentilisa sady nihary omby sy fananana, dia ireo mitoetra ao amin' ny foiben' ny tany. **13** Sheba sy Dedana ary ny mpandranton' i Tarsisy rehetra mbamin' ireo lionany tanora rehetra dia hanao aminao hoe: Tonga hamabo va ianao? Nangoninao handroba va ireto olonao betsaka ireto, hahalasa volafotsy sy volamena, handroba harena sy fananana ary hahazo babo betsaka? **14** Koa maminania, ry zanak' olona, ka ataovy amin' i Goga hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Moa amin' izany andro hitoeran' ny Isiraely oloko mandry fahizay izany dia tsy ho fantatrao va izany? **15** Ary ho tonga avy any amin' ny fonenanao avy any amin' ny farany avaratra ianao mbamin' ny firenena maro miaraka aminao, izay samy mitaingin-tsoavaly, dia olona maro be sy miaramila betsaka; **16** ary hiakatra hamely ny Isiraely oloko tahaka ny fiakatry ny rahona hanarona ny tany ianao; any am-parany no ho tonga izany; ary ho entiko hamely ny taniko ianao, mba hahafantaran' ny firenena Ahy, rehefa miseho ho masìna eo anatrehany Aho amin' ny ataoko aminao, ry Goga. **17** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Moa ianao va ilay nampilazaiko ny mpanompoko hatramin' ny fahiny, dia ny mpaminanin' ny Isiraely, izay naminany ela tamin' izany andro izany ny hampakarako anao hamely azy? **18** Ary amin' izany andro izany, dia ny andro hihavian' i Goga hamely ny tanin' ny Isiraely, hoy Jehovah Tompo, dia hiefona eo am-bavoroko ny fahatezerako. **19** Fa amin' ny fahasaro-piaroko sy ny afon' ny fahatezerako no nitenenako hoe: Amin' izany andro izany dia hisy horohoro mafy any amin' ny tanin' ny Isiraely, **20** ka hangorohoro eo anatrehako ny hazandrano any andranomasina sy ny voro-manidina sy ny bibi-dia ary ny biby mandady sy mikisaka rehetra izay mandady sy mikisaka amin' ny tany ary ny olona rehetra ambonin' ny tany; dia hazera ny tendrombohitra, hikoany fiakarana mideza, ary hirodana ity ampiantany rehetra. **21** Dia hiantso sabatra Aho hamely azy eny amin' ny tendrombohitro rehetra, hoy Jehovah Tompo: ary hifamely sabatra amin' ny namany avy izy rehetra. **22** Ary hamaly azy amin' ny areti-mandringana

sy ny rà sy ny ranon' orana manafotra ary ny havandra vaventy Aho; ary koa, handatsaka afo sy solifara aminy sy amin' ny miaramilany mbamin' ny firenena maro izay miaraka aminy Aho. **23** Ka dia hasehoko ny fihalehibiazako sy ny fahamasinako; ary ho fantatra eo imason' ny firenena maro Aho: ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah.

39 Ary ianao, ry zanak' olona, dia maminania ny hamelezana an' i Goga, ka ataovy hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Indro, hamely anao Aho, ry Goga, mpanjakan' i Rosy sy Meseka ary Tobala. **2** Hitarika sy hitondra anao hiakatra avy any amin' ny farany avaratra Aho, dia ho entiko ho any an-tendrombohitry ny Isiraely ianao. **3** Ary hasiako ny tsipìkanao hiala eny an-tananao ankavia, ary halatsako hiala eny an-tananao ankavanana ny zana-tsipìkanao. **4** Any an-tendrombohitry ny Isiraely no hiampatramparanao sy ny miaramilanao rehetra mbamin' ny firenena izay miaraka aminao; homeko hohanin' ny vorona mpihaza samy hafa karazana rehetra sy ny bibi-dia ianao. **5** Eny an-tsaha no hiamparanao; fa Izaho no efa niteny, hoy Jehovah Tompo. **6** Ary haterako afo Magoga sy izay mipetraka tsy manana ahiahy any amoron-tsiraka; ka dia ho fantany fa Izaho no Jehovah. **7** Ary ny anarako masìna dia hataoko fantatra ao amin' ny Isiraely oloko; ary tsy havelako holotoina intsony ny anarako masìna; ka dia ho fantatry ny firenena fa Izaho no Jehovah, Izay masìna ao amin' ny Isiraely. **8** Indro, tonga izany ka tanteraka, hoy Jehovah Tompo. Izany no andro izay nolazaiko. **9** Ary hivoaka ny mponina ao amin' ny tanànan' ny Isiraely ka handrehitra sy hitaina ny fiadiana, dia ny ampinga lehibe, ny tsipìka sy ny zana-tsipìka, ny langilangy sy ny lefona, ary hitaina izany mandritra ny fito taona izy; **10** fa tsy haka kitay hazo any an-tsaha na hanapaka hazo any an' ala izy, fa hitaina ny fiadiana ka hamabo izay efa namabo azy sy handroba izay efa nandroba azy, hoy Jehovah Tompo. **11** Ary amin' izany andro izany dia homeko tany eo amin' ny Isiraely Goga hasiana fasana, dia ny lohasahan' ny mpandalo manolotra ny ranomasina, ka hisakana ny mpandalo izany; ary any no handevenany an' i Goga sy ny olony maro be rehetra; ary ny anarany hataony hoe Lohasahan' ireo olona maroben' i Goga. **12** Ary fito volana mipaka no handevenan' ny taranak' Isirady azy, hanadiovany ny tany. **13** Eny, ny tompon-tany rehetra no handevina azy; ary ho laza ho azy izany amin' ny andro hampisehoako ny voninahitro, hoy Jehovah Tompo. **14** Ary izy hanavaka sy hanendry olona ho mpitety ny tany sy izay hiaraka amin' ny mpitety koa handevina ny mbola sisa eny ambonin' ny tany, hanadiovana azy; rehefa afaka fito volana, dia vao hikatsaka izy; **15** ary raha mandeha mitety ny tany ireo mpitety ka mahita taolan' olona, dia hanorina marika eo anilany izy, mandra-pandevin' ny mpandevina azy ao amin' ny Lohasahan' ireo maro ben' i Goga. **16** Ary hisy tanàna koa hatao hoe Hamona. Toy izany no hanadiovany ny tany. **17** Ary ianao, ry zanak' olona, dia izao na lazain' i Jehovah Tompo: Ataovy amin' ny voro-manidina rehetra sy ny bibi-dia rehetra hoe: Mivoria ianareo, ka mankanesa atỳ; miangòna ianareo avy amin' ny manodidina ho amin' ny fanatitro izay vonoiko ho anareo, dia fanatitra lehibe eny an-tendrombohitry ny Isiraely, hihinananareo nofo sy hisotroanareo rà. **18** Ny nofon' ny lehilahy mahery no hohaninareo, ary ny ran' ireo mpanjakan' ny tany no hosotroinareo, dia ondrilahy sy zanak' ondry sy osilahy ary vantotr' ombilahy, samy mifahy avy any Basana izy rehetra. **19** Dia hihinana matavy ianareo mandra-pahavokinareo ary hisotro rà mandra-pahaleonareo avy amin' ny fanatitro izay novonoiko ho anareo. **20** Ary ho voky soavaly sy ny mpitaingina azy ary lehilahy mahery mbamin' ny miaramila rehetra eo amin' ny latabatro ianareo, hoy Jehovah Tompo. **21** Ary hasehoko any amin' ny jentilisa ny voninahitro, ka ho hitan' ny firenena rehetra ny fitsarana hataoko sy ny tanako izay hahinjitro aminy. **22** Ary ho fantatry ny taranak' Isiraely fa Izaho no Jehovah Andriamaniny hatry ny androtr' iny ka hatramin' ny ho avy rehetra. **23** Ary ho fantatry ny jentilisa fa ny heloky ny taranak' Isiraely no nahababo azy; fa satria nivadika tamiko izy, dia izany no nanafenako ny tavako taminy sy nanolorako azy ho eo an-tànan' ny fahavalony, ka dia lavon-tsabatra izy rehetra. **24** Araka ny fahalotoany sy ny fahadisoany no navaliko azy sy nanafenako ny tavako taminy. **25** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ankehitriny dia hampodiko avy amin' ny fahababoany Jakoba, ary hamindrako fo ny taranak' Isiraely rehetra; ary hiseho ho saro-piaro noho ny amin' ny anarako masìna Aho. **26** Dia mba hahatsiaro ny fahamenarany sy ny fahadisoany rehetra izay nandisoany tamiko izy, rehefa mandry fahizay ao amin' ny taniny, ka tsy misy manaitaitra azy, **27** rehefa ampodiko avy any amin' ny firenena izy ary angoniko avy any amin' ny tanin' ny fahavalony; ary hiseho ho masìna eo imason' ny jentilisa Aho amin' ny ataoko amin' ireny; **28** dia ho fantany fa Izaho Jehovah no Andriamaniny amin' ny ampandehanako azy ho babo any amin' ny firenena sy amin' ny anangonako azy ho any amin' ny taniny, ka tsy hisy hafoiko any izy na dia iray akory aza. **29** Ary tsy hafeniko aminy intsony ny tavako; fa haidiko ao amin' ny taranak' Isiraely ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompo.

40 Tamin' ny taona fahadimy amby roa-polo taorian' ny namaboana antsika, tamin' ny niandohan' ny taona, dia tamin' ny andro fahafolo tamin' ny volana, tamin' ny taona fahefatra ambin' ny folo taorian' ny namelezana ny tanàna, tamin' izany andro izany dia tamiko ny tànan' i Jehovah, ka nitondra ahy ho any Izy. **2** Fahitana avy amin' Andriamanitra no nitondrany ahy ho any amin' ny tanin' ny Isiraely, ka napetrany teo an-tendrombohitra avo dia avo aho, ary nisy nitarehin-tanàna teo amin' ny ilany atsimo. **3** Dia nentiny nankao aho, ka, indro, nisy lehilahy izay nitarehim-barahina, nitondra tady rongony teny an-tànany sy volotara fandrefesana, ary nitsangana teo am-bavahady izy. **4** Dia hoy ralehilahy tamiko: Ry zanak' olona, mijere amin' ny masonao, ary mihainoa amin' ny sofinao, ary aoka ny fonao handinika izay rehetra hasehoko anao; fa ny hanehoako anao izao no nitondrana anao eto. Ambarao amin' ny taranak' Isiraely izay rehetra hitanao. **5** Ary, indro, nisy ampiantany vato manodidina teny ivelan' ny trano, ary eny an-tanan-dralehilahy nisy volotara fandrefesana,

enina hakiho ny halavany, kanefa isaky ny hakiho iray dia nihoatra vodivoam-pelatanana noho ny fanao; ka dia norefesiny ny hatevin' ny ampiantany, ka eran' ny volotara, ary ny hahavony dia eran' ny volotara koa. **6** Dia tonga teo amin' ny vavahady manatrita ny atsinanana izy ka niakatra tamin' ny ambaratongany dia nandrefy ny tokonam-bavahady, ka eran' ny volotara ny sakany, dia ny tokonana voalohany izany, ka eran' ny volotara ny sakany. **7** Ary ny trano fiambenana, dia eran' ny volotara ny lavany, ary eran' ny volotara koa ny sakany; ary ny elanelan' ny trano fiambenana dia dimy hakiho; ary ny tokonam-bavahady eo anilan' ny lavarangan' ny vavahady anatiny dia eran' ny volotara. **8** Dia norefesiny koa ny lavarangan' ny vavahady, ka eran' ny volotara koa. **9** Ary norefesiny ny lavarangan' ny vavahady, ka valo hakiho; ary ny tongo-batony dia roa hakiho; ary ny lavarangan' ny vavahady dia teo anatiny. **10** Ary ny trano fiambenana teo amin' ny vavahady atsinanana dia telo avy no teo an-daniny; mitovy ohatra izy telo, ary mitovy ohatra koa ny tongo-bato teo amin' ny lafiny roa. **11** Ary norefesiny koa ny haben' ny vavahady, ka folo hakiho; ary ny lavan' ny vavahady dia telo ambin' ny folo hakiho. **12** Ary nisy nifefy teo anoloan' ny trano fiambenana, ka iray hakiho avy no teo an-daniny roa; ary ny trano fiambenana, dia enina hakiho ny tamin' ny lafiny iray, ary enina hakiho koa ny tamin' ny lafiny iray. **13** Dia norefesiny koa ny vavahady hatramin' ny tafon' ny trano fiambenana iray ka hatramin' ny tafon' ny iray koa, ka dimy amby roa-polo hakiho ny sakany, ary mifanatrika ny varavarana. **14** Ary ny tongo-bato dia noheveriny ho enim-polo hakiho, ary nihatra tamin' ny tongo-bato ny kianja manodidina ny vavahady. **15** Ary hatreo anoloan' ny vavahady fidirana ka hatreo anoloan' ny lavarangan' ny vavahady anatiny dia dimam-polo hakiho. **16** Ary nisy varavarankely makarakara tsy mivoha manodidina, na ao amin' ny trano fiambenana, na amin' ny tongo-bato ao anatin' ny vavahady; ary toy izany koa amin' ny tohany; ary ny ao anatiny dia nisy varavarankely manodidina; ary teo amin' ny tongo-bato rehetra dia samy nisy sarin' ny hazo rofia avokoa. **17** Dia nentiny ho any amin' ny kianja ivelany aho, ary, indro, nisy efi-trano madinika sy lampivato teny amin' ny kianja manodidina: nisy efi-trano telo-polo teny amin' ny lampivato. **18** Ary ny lampivato dia teo anilan' ny vavahady, sady nifanerana tamin' ny lavan' ny vavahady: lampivato ambany io. **19** Dia norefesiny koa ny sakany hatreo anoloan' ny vavahady ambany ka hatreo anoloan' ny kianja anatiny, dia hatreo amin' ny ivelany, ka zato hakiho, dia teo atsinanana sy teo avaratra. **20** An norefesiny koa ny lavany sy ny sakan' ny vavahadin' ny kianja ivelany, izay nanatrika ny avaratra. **21** Ary ny trano fiambenany dia telo avy no teo an-daniny; ary ny tongo-batony sy ny tohany dia nitovy ohatra tamin' ny vavahady voalohany, ka dimam-polo hakiho ny lavany, ary dimy amby roa-polo hakiho ny sakany. **22** Ary ny varavarankeliny sy ny tohany an ny sarin' ny hazo rofia taminy dia nitovy ohatra tamin' ny ireo amin' ny vavahady atsinanana, ary nisy ambaratonga fito ho fiakarana ao; ary ny tohany dia tandrifin' ireo. **23** Ary nisy vavahadin' ny kianja anatiny, tandrifin' ny vavahady fidirana manatrika ny avaratra sy ny atsinanana; ka dia norefesiny hatramin' ny vavahady anankiray ka hatramin' ny anankiray, ka zato hakiho. **24** Dia nentiny nianatsimo aho, ka, indro, nisy vavahady teo atsimo; ka norefesiny ny tongo-batony sy ny tohany, ka araka ireo ohatra ireo ihany koa. **25** Ary nisy varavarankely teo aminy sy teo amin' ny tohany manodidina, dia tahaka ireo varavarankely ireo ihany koa, ka dimam-polo hakiho ny lavany, ary dimy amby roa-polo hakiho ny sakany. **26** Ary nisy ambaratonga fito ho fiakarana ao, ary ny tohany dia tandrifin' ireo; ary nisy sarin' ny hazo rofia iray tamin' ny lafiny iray, ary iray koa tamin' ny lafiny iray teo amin' ny tongo-batony. **27** Ary nisy vavahady fidirana amin' ny kianja anatiny teo atsimo, dia norefesiny teo atsimo hatramin' ny vavahady anankiray ka hatramin' ny anankiray, ka zato hakiho koa. **28** Ary nentiny niditra tamin' ny vavahady atsimo ho any amin' ny kianja anatiny aho; dia norefesiny ny vavahady atsimo, ka araka ireo ohatra ireo ihany koa; **29** ary ny trano fiambenany sy ny tongo-batony ary ny tohany dia araka ireo ohatra ireo ihany koa; ary nisy varavarankely teo aminy sy teo amin' ny tohany manodidina, dimam-polo hakiho ny lavany, ary dimy amby roa-polo hakiho ny sakany. **30** Ary nisy tohany manodidina, dia dimy amby roa-polo hakiho ny lavany, ary dimy hakiho ny sakany. **31** Ary ny tohany dia nanatrika ny kianja ivelany; ary nisy sarin' ny hazo rofia teo amin' ny tongo-batony, ary nisy ambaratonga valo ho fiakarana ao. **32** Dia nentiny niantsinanana aho ho any amin' ny kianja anatiny, dia norefesiny ny vavahady, ka araka ireo ohatra ireo ihany koa. **33** Ary ny trano fiambenany sy ny tongo-batony ary ny tohany dia araka ireo ohatra ireo ihany koa; ary nisy varavarankely teo aminy sy teo amin' ny tohany manodidina, dimam-polo hakiho ny lavany, ary dimy amby-roa-polo hakiho ny sakany. **34** Ary nanatrika ny kianja ivelany ny tohany; ary nisy sarin' ny hazo rofia teo amin' ny tongo-batony an-daniny roa, ary nisy ambaratonga valo ho fiakarana ao. **35** Ary nentiny ho any amin' ny vavahady avaratra aho, dia norefesiny, ka araka ireo ohatra ireo ihany koa, **36** ary ny trano fiambenany sy ny tongo-batony ary ny tohany, ary nisy varavarankely teo aminy manodidina, dia dimam-polo hakiho ny lavany, ary dimy amby roa-polo hakiho ny sakany. **37** Ary nanatrika ny kianja ivelany ny tongo-batony; nisy sarin' ny hazo rofia teo amin' ny tongo-batony an-daniny roa; ary ambaratonga valo no fiakarana ao. **38** Ary nisy efi-trano misy varavarana teo anilan' ny tongo-bato teo am-bavahady, izay nanakobahany ny fanatitra dorana. **39** Ary teo amin' ny lavarangan' ny vavahady dia nisy latabatra roa avy tamin' ny lafiny roa hamonoana ny fanatitra dorana sy ny fanatitra noho ny ota ary ny fanati-panonerana. **40** Ary teo anilany eo ivelany amin' ny fiakarana hiditra eo amin' ny vavahady avaratra dia nisy latabatra roa, ary teo anilany anankiray koa teo amin' ny lavarangan' ny vavahady, dia nisy latabatra roa koa. **41** Nisy latabatra efatra teo amin' ny ilany iray amin' ny vavahady ary latabatra efatra koa teo amin' ny ilany iray, dia latabatra valo izay famonoana. **42** Ary nisy latabatra efatra natao tamin' ny vato voapaika ho amin' ny fanatitra dorana, iray hakiho sy sasany ny lavany, ary iray hakiho sy

sasany koa ny sakany, ary iray hakiho ny hahavony; teo no nametrahany ny zavatra famonoana ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa. **43** Ary nisy fihantonana roa rantsana, vodivoam-pelatanana ny halavany, naorina manodidina eny amin' ny rindrina; ary natao teo ambonin' ny latabatra ny hena fanatitra. **44** Ary teo ivelan' ny vavahady anatiny, teo anilan' ny vavahady avaratra ka manatrika ny atsimo, dia nisy ireo efi-trano ho an' ny mpihira teo amin' ny kianja anatiny, ary nisy iray koa teo anilan' ny vavahady atsinanana ka nanatrika ny avaratra. **45** Ary hoy izy tamiko: Ity efi-trano manatrika ny atsimo ity dia ho an' ny mpisorona izay mitandrina ny anjara-raharahany amin' ny trano. **46** Ary ny efi-trano manatrika ny avaratra kosa dia ho an' ny mpisorona izay mitandrina ny anjara-raharaha ny amin' ny alitara, ireo dia taranak' i Zadoka, izay isan' ny taranak' i Levy, ka manatona an' i Jehovah hanao fanompoam-pivavahana ho Azy. **47** Dia norefesiny ny kianja, ka zato hakiho ny lavany, ary zato hakiho koa ny sakany, dia efa-joro sokera izy; ary ny alitara dia teo anoloan' ny trano. **48** Ary nentiny ho any amin' ny lavarangan' ny trano aho, dia norefesiny ny tongo-batony amin' ny lavarangana fidirana, ka dimy hakiho ny tamin' ny lafiny iray, ary dimy hakiho koa ny tamin' ny lafiny iray, ary ny sakan' ny vavahady dia telo hakiho ny tamin' ny lafiny iray, ary telo hakiho koa ny tamin' ny lafiny iray. **49** Roa-polo hakiho ny lavan' ny lavarangana fidirana, ary iraika ambin' ny folo hakiho ny satany; ary ambaratonga no fiakarana ao; ary nisy tongo-bato teo anilan' ny tolana, iray tamin' ny lafiny iray, ary iray tamin' ny lafiny iray koa.

41 Ary nentiny ho ao amin' ny ati-trano lehibe aho, dia norefesiny ny tongo-bato, ka enina hakiho ny sakany tamin' ny lafiny iray, ary enina hakiho koa ny sakany tamin' ny lafiny iray; sakan' ny trano-lay izany. **2** Ary ny sakan' ny varavarana dia folo hakiho; ary ny teo an-danin' ny varavarana dia dimy hakiho avy; ary norefesiny ny lavany, ka efa-polo hakiho, ary ny sakany roa-polo hakiho. **3** Dia nandroso ho ao anatiny indrindra izy ary, norefesiny ny tongo-bato eo an-danin' ny varavarana, ka roa hakiho, ary ny varavarana enina hakiho, ary ny sakan' ny varavarana fito hakiho. **4** Dia norefesiny ny lavany, ka roa-polo hakiho, ary ny sakany roa-polo hakiho teo anoloan' ny ati-trano lehibe; dia hoy izy tamiko: Io no fitoerana masìna indrindra. **5** Ary samy norefesiny manodidina, ka ny hatevin' ny rindrin' ny trano dia enina hakiho, ary ny sakan' ny paosin-trano dia efatra hakiho. **6** Ary ireo paosin-trano ireo dia nifanongoa telo sady telo-polo milahatra; ary niankina tamin' ny rindrin-trano izay ho an' ny paosin-trano manodidina izy mba hitsatohany, fa tsy hitsatoka amin' ny rindrin' ny trano. **7** Ary ny sakan' ireo efi-trano ireo dia nihamalalaka manodidina isaky ny mifanongoa, fa niampy isaky ny mifanongoa izy, ka dia nihamalalaka araka ny fisandrany; ary ny tombon' ny ambony amin' ny an-tenatenany dia tahaka ny tombon' ny an-tenatenany amin' ny ambany. **8** Dia hitako fa nisy tokotany nasandratra manodidina ny trano ho fanorenan' ny paosin-trano, dia eran' ilay volotara hatramin' ny ifanohizany. **9** Ny hatevin' ny rindrina ivelany amin' ny paosin-trano dia dimy hakiho; ary hoatra izany koa ilay sisa navela manolotra ny paosin-trano. **10** Ary ny teo anelanelan' ny efi-trano dia roa-polo hakiho manodidina ny trano na aiza na aiza. **11** Ary ny varavaran' ny paosin-trano dia mankao amin' ilay sisa navela, dia varavarana iray manatrika ny avaratra, ary iray koa manatrika ny atsimo; ary ny sakan' ilay sisa navela dia dimy hakiho manodidina. **12** Ary ny trano izay teo anoloan' ilay kianja voatokana tamin' ny lafiny andrefana, dia dia fito-polo hakiho ny sakany; ary ny rindrin' ny trano, dia dimy hakiho ny hatevin' ny manodidina, ary sivi-folo hakiho ny lavany. **13** Dia nandrefy ny trano izy, ka zato hakiho ny lavany, ary ny kianja voatokana sy ny trano ary ny rindrina, dia zato hakiho ny lavany. **14** Ary ny sakan' ny trano eo anoloany sy ny kianja voatokana teo atsinanana dia zato hakiho. **15** Dia norefesiny ny lavan' ny trano teo anoloan' ny kianja izay tao ivohony, ary ny lalan-tsarany teo an-daniny roa, ka zato hakiho. Ny tempoly ao anaty sy ny lavarangana ao amin' ny kianja **16** ary ny tokonana sy ny varavarankely makarakara tsy mivoha ary ny lalan-tsara manodidina amin' izy telo (manandrify ny tokonana dia nopetahana hazo fisaka manodidina, ary hatramin' ny tany ka hatramin' ny varavarankely koa, ary voasarona ny varavarankely), **17** ary ny eo ambonin' ny varavarana, na amin' ny trano ao anatiny, na ny eny ivelany, mbamin' ny rindrina manodidina, na ny ao anatiny na ny eny ivelany, koa samy natao tamin' ny ohatra avokoa. **18** Ary nisy sarin' ny kerobima sy ny hazo rofia natao, ka ny sarin' ny hazo rofia dia teo anelanelan' ny kerobima, ary ny kerobima dia samy nanana tarehy roa avy, **19** ka ny tarehin' olona no nanatrika ny hazo rofia tamin' ny an-kilany iray, ary ny tarehin-diona tanora kosa no nanatrika ny hazo rofia tamin' ny an-kilany iray; ny manodidina ny trano dia natao tahaka izany avokoa izy rehetra. **20** Hatramin' ny tany ka hatrany ambonin' ny varavarana no nasiana sarin' ny kerobima sy ny hazo rofia, dia teo amin' ny rindrin' ny ati-trano lehibe. **21** Efa-joro ny tolan' ny ati-trano lehibe, ary ny anoloana amin' ny fitoerana masìna dia nitovy tarehy tamin' izany koa. **22** Ny alitara dia hazo, ka telo hakiho ny hahavony, ary roa hakiho ny lavany; ary nisy zorony koa, ary ny lavany sy ny rindriny dia hazo. Ary hoy izy tamiko: Io no latabatra izay eo anatrehan' i Jehovah. **23** Ary ny ati-trano lehibe sy ny fitoerana masìna dia nisy lela-varavarana roa. **24** Ary ireo lela-varavarana ireo dia samy kopa-droa avy, dia lela-varavarana roa amin' ny anankiray, ary lela-varavarana roa koa amin' ny anankiray. **25** Ary nisy sarin' ny kerobima sy ny hazo rofia natao teo amin' ny varavaran' ny ati-trano lehibe tahaka izay natao teo amin' ny rindrina ihany; ary nisy tokonana hazo teo anoloan' ny lavarangana fidirana, dia teo ivelany. **26** Ary nisy varavarankely makarakara tsy mivoha sy sarin' ny hazo rofia teo an-daniny roa, dia teo anilan' ny lavarangana fidirana sy teo amin' ny efi-trano momba ny trano ary teo amin' ny tokonana.

42 Dia nentiny nivoaka nianavaratra ho any amin' ny kianja ivelany aho, ary nampidiriny ho ao amin' ny efi-trano tandrifin' ny kianja voatokana sady tandrifin' ny

trano eo amin' ny avaratra, **2** dia ho eo anoloan' ilay lavany zato hakiho izay nisy ny varavarana avaratra, ary ny sakany dimam-polo hakiho. **3** Tandrifin' ny roa-polo hakiho amin' ny kianja anatiny sady tandrifin' ny lampivato amin' ny kianja ivelany dia nisy lalan-tsarany nifanandrify teo amin' ny trano fahatelo ambony indrindra. **4** Ary teo anoloan' ny efi-trano dia nisy lalana, folo hakiho ny sakany, mankao anatiny, ary lalana iray hakiho izany; ary nanatrika ny avaratra ny varavarany. **5** Ary nohakelezina ny efi-trano ambony, fa nangalana ho lalantsarany, ka izany no nahakely azy noho ny ambany sy ny an-tenatenany. **6** Fa nifanongoa telo ireo, fa tsy nisy andry tahaka ny andrin' ny kianja, ka izany no nahakely azy noho ny ao ambany sy ny ao an-tenatenany hatreny an-tany. **7** Ary nisy ampiantany teo ivelany, tandrifin' ny efi-trano, nanatrika ny kianja ivelany, teo anoloan' ny efi-trano, ka dimam-polo hakiho ny lavany. **8** Fa ny lavan' ireo efi-trano izay teo amin' ny kianja ivelany dia dimam-polo hakiho; ary, indro, ny teo anoloan' ny ati-trano lehibe dia zato hakiho. **9** Ary teo ambanin' ireo efi-trano ireo dia nisy fidirana avy eo atsinanana, raha miditra amin' ireo avy eo amin' ny kianja ivelany. **10** Ary nisy efi-trano koa teo amin' ny sakan' ny ampiantanin' ny kianja teo amin' ny atsinanana, tandrifin' ny kianja voatokana sady tandrifin' ny trano. **11** Ary nisy lalana teo anoloany, ary tahaka ny tarehin' ny efi-trano teo amin' ny avaratra ny tarehiny, sady mitovy amin' ny an' ireo avokoa ny lavany sy ny sakany ary ny fivoahana avy ao aminy mbamin' ny fombafombany rehetra sy ny varavarany; **12** ary tahaka ny varavaran' ny efi-trano eo amin' ny atsimo dia nisiana varavarana koa teo amin' ny fiandohan' ny lalana, dia ilay lalana eo anoloan' ny ampiantany mifanolotra aminy, dia ny lalana avy eo amin' ny atsinanana, raha miditra ao aminy. **13** Dia hoy izy tamiko; Ny efi-trano avaratra sy ny efi-trano atsimo, izay eo anoloan' ny kianja voatokana, dia efi-trano masìna, hihinanan' ny mpisorona izay manatona an' i Jehovah ny zavatra masìna indrindra; any no hametrahany izay zavatra masìna indrindra, dia ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra noho ny ota ary ny fanati-panonerana: fa masìna io fitoerana io. **14** Raha miditra ao ny mpisorona, dia tsy hiala amin' ny fitoerana masìna ho any amin' ny kianja ivelany izy, fa ao no hamelany ny fitafiana masìna izay nentiny nanao fanompoam-pivavahana, satria masìna ireo; ary hitafy fitafiana hafa izy vao manatona ny olona. **15** Ary nony vita ny nandrefesany ny trano anatiny, dia nentiny nivoaka nankany amin' ny vavahady izay manatrika ny atsinanana aho, ka norefesiny ny manodidina. **16** Norefesiny tamin' ny volotara fandrefasana ny lafiny atsinanana, ka indiman-jaton' ny volotara manodidina, raha amin' ny volatara fandrefesana. **17** Norefesiny koa ny lafiny avaratra, ka indiman-jaton' ny volotara manodidina, raha amin' ny volotara fandrefesana. **18** Norefesiny koa ny lafiny atsimo, ka indiman-jaton' ny volotara, raha amin' ny volotara fandrefesana. **19** Nitodika nankany amin' ny lafiny andrefana izy ka nandrefy indiman-jaton' ny volotara tamin' ny volotara fandrefesana. **20** Norefesiny avokoa ny lafiny efatra. Nisy ampiantany manodidina, indiman-jaton' ny volotara ny lavany, ary indiman-jatony koa ny sakany, hampiavaka ny masìna sy ny tsy masìna.

43 Ary nentiny ho any amin' ny vavahady aho, dia ilay vavahady manatrika ny atsinanana. **2** Ary, indro, tamy ny voninahitr' Andriamanitry ny Isiraely avy tany atsinanana; ary ny feony dia tahaka ny firohondrohon' ny rano be; ary ny tany dia namirapiratra azon' ny voninahiny. **3** Ary ny tarehin' ny zavatra hitako dia tahaka ny an' ilay efa hitako, fony aho tonga handrava ny tanàna; ary nisy tahaka ny tarehin' ilay efa hitako teo amoron' ny ony Kebara ihany; ka dia nikarapoka nihohoka aho. **4** Ary ny voninahitr' i Jehovah dia niditra tamin' ny vavahady manatrika ny atsinanana ho ao an-trano. **5** Dia nisy fanahy nanainga ahy ka nitondra ahy niditra ho ao amin' ny kianja anatiny; ary, indro, feno ny voninahitr' i Jehovah ny trano. **6** Dia reko fa nisy niteny tamiko tao an-trano; ary nisy lehilahy nitsangana teo anilako. **7** Dia hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, eto no hitoeran' ny seza fiandrianako sy hitoeran' ny faladiako, izay honenako mandrakizay eto amin' ny zanak' Isiraely; ary tsy holotoin' ny taranak' Isiraely, na izy na ny mpanjakany, amin' ny fijangajangany sy amin' ny sampin' ny mpanjakany ao amin' ny fitoerany avo intsony ny anarako masìna, **8** tamin' ny nametrahany ny tokonam-baravaran' ireny teo anilan' ny tokonam-baravarako sy ny tolan' ireny teo anilan' ny tolako, rindrina ihany no teo anelanelako sy ireny, dia nolotoiny tamin' ny fahavetavetana nataony ny anarako masìna; ka dia nahalany ringana azy tamin' ny fahatezerako Aho. **9** Fa amin' izao kosa dia aoka hariany lavitra Ahy ny fijangajangany sy ny sampin' ny mpanjakany, ka dia honina ao aminy mandrakizay Aho. **10** Hianao, ry zanak' olona, asehoy amin' ny taranak' Isiraely ny trano mba hahamenatra azy ny amin' ny helony, ka dia horefesiny ny mari-trano. **11** Ary raha menatra ny amin' izay rehetra efa nataony izy, dia asehoy azy ny endriky ny trano mbamin' ny fombafombany sy ny fivoahana avy ao aminy sy ny fidirana ho ao aminy ary ny endriny rehetra sy ny didy rehetra aminy, eny, ny endriny rehetra ary ny lalàna rehetra aminy; koa soraty eo imasony izany, hitandremany ny endriny rehetra ary ny lalàny rehetra ka hanatanterahany izany. **12** Izao no lalàna amin' ny trano: Ho masìna dia ho masìna avokoa izay rehetra voafaritra ho azy eo an-tampon' ny tendrombohitra. Eny, izany no lalana amin' ny trano. **13** Ary izao no mariky ny alitara araka ny hakiho, nefa isaky ny hakiho iray dia mihoatra vodivoam-pelatanana noho ny fanao: Ny fara-vodiny dia iray hakiho, ary iray hakiho koa ny sakany, ary ny koronosiny manodidina dia irain-jehy; ireo no fiorenan' ny alitara. **14** Ary hatramin' ny fara-vodiny eo amin' ny tany ka hatramin' ny rindriny ambany dia roa hakiho, ary ny sakany dia iray hakiho; ary hatramin' ny rindriny iva ka hatramin' ny rindriny avo dia efatra hakiho; ary ny sakany dia iray hakiho. **15** Ary ny fanambonin' ny alitara dia ho efatra hakiho, ary eo ambonin' ny fatana dia hisy tandroka efatra. **16** Roa ambin' ny folo hakiho ny lavan' ny fatana, ary roa ambin' ny folo hakiho koa ny sakany, ary efa-joro sokera izy, **17** Ary ny rindriny dia efatra ambin' ny folo hakiho ny lavany, sy

efatra ambin' ny folo hakiho koa ny sakany, amin' ny lafiny efatra; ary ny koronosiny manodidina dia antsasaky ny hakiho; ary ny fara-vodiny dia iray hakiho manodidina; ary ny ambaratongany dia manatrika ny atsinanana. **18** Ary hoy izy tamiko: Ry zanak' olona, izao no lazain' i Jehovah Tompo: Izao no didy ny amin' ny alitara amin' izay andro hanaovana azy, hanaterana fanatitra dorana sy hanopazana rà aminy: **19** Ny Levita mpisorona, taranak' i zadoka, izay manatona Ahy hanao fanompoam-pivavahana ho Ahy, dia homenao vantotr' ombilahy iray hatao fanatitra noho ny ota, hoy Jehovah Tompo. **20** Dia hangalanao ny ràny ka hatentinao amin' ny tandrony efatra sy amin' ny zorony efatra amin' ny rindriny ary amin' ny koronosiny manodidina; izany no hanadiovanao azy sy hanaovanao fanavotana ho azy. **21** Halainao koa ny vantotr' ombilahy hatao fanatitra noho ny ota ka hodorana ao amin' ny fitoerana voatendry ao amin' ny trano ivelan' ny fitoerana masìna. **22** Ary amin' ny andro faharoa no hanateranao osilahy tsy misy kilema hatao fanatitra noho ny ota; ary hodioviny ny alitara tahaka ny nanadiovany azy tamin' ny vantotr' ombilahy. **23** Ary rehefa vita ny anadiovanao azy, dia hanatitra vantotr' ombilahy tsy misy kilema sy ondrilahy tsy misy kilema ianao. **24** Ary haterinao eo anatrehan' i Jehovah ireo, ary ny mpisorona handraraka sira eo aminy, dia hanatitra azy ho fanatitra dorana ho an' i Jehovah. **25** Hafitoana no hanateranao osilahy isan' andro hatao fanatitra noho ny ota sy vantotr' ombilahy sy ondrilahy izay tsy misy kilema. **26** Hafitoana no hanaovany fanavotana ho an' ny alitara sy hanadiovany azy ary hanokanany azy. **27** Ary rehefa tapitra izany andro izany, dia hiantomboka amin' ny andro fahavalo ny hanateran' ny mpisorona ny fanatitra doranareo ao amin' ny alitara sy ny fanati-pihavananareo; ary dia hankasitrahako ianareo, hoy Jehovah Tompo.

44 Dia nentiny niverina aho tamin' ny lalana mankamin' ny vavahady ivelany amin' ny fitoerana masìna, dia ilay manatrika ny atsinanana; ka, indro, nirindrina io. **2** Dia hoy Jehovah tamiko: Ity vavahady ity dia hirindrina ka tsy hovohana ary tsy hidiran' olona; fa efa nidiran' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, io, ka izany no hirindrinany. **3** Kanefa kosa ny mpanjaka no mahazo mipetraka ao hihinan-kanina eo anatrehan' i Jehovah, satria mpanjaka izy; amin' ny lalana mankamin' ny lavarangan' ny vavahady no hidirany, ary amin' ny lalana nalehany ihany toa no hivoahany. **4** Dia nentiny nankamin' ny vavahady avaratra ho eo anoloan' ny trano koa aho, dia hitako fa, indro, feno ny voninahitr' i Jehovah ny tranon? i Jehovah; ka dia nikarapoka nihohoka aho. **5** Ary hoy Jehovah tamiko: Ry zanak' olona, mandiniha tsara, ka mijere amin' ny masonao, ary aoka hohenoin' ny sofinao izay rehetra lazaiko aminao ny amin' ny didy sy ny lalàna rehetra amin' ny tranon' i Jehovah; ary diniho tsara ny fidirana amin' ny trano sy ny fivoahana rehetra avy ao amin' ny fitoerana masìna. **6** Ary lazao amin' ireo maditra, dia ny taranak' Isiraely hoe: Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Aoka izay ny fahavetavetanareo, ry taranak' Isiraely! **7** dia ny nitondranareo vahiny tsy mifora fo na nofo hitoetra ao amin' ny fitoerako masìna mba handoto ny tranoko tamin' ny nanateranareo ny haniko, dia ny sabora sy ny rà, ka dia nivadika ny fanekeko ireo ho fanampin' ny fahavetavetanareo rehetra; **8** ary tsy nitandrina ny anjara-raharaha ny amin' ny fitoerako masìna ianareo, fa efa nanendry izay ho mpitandrina ny anjara-raharaha ao amin' ny fitoerana masìna hisolo anareo. **9** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ny vahiny tsy mifora fo sy nofo rehetra izay ao amin' ny zanak' Isiraely dia tsy misy hahazo miditra ao amin' ny fitoerako masìna. **10** Ary na dia ny Levita aza, izay nanalavitra Ahy tamin' ny nivilian' ny Isiraely, izay nivily niala tamiko ka nanaraka ny sampiny, dia hitondra ny helony izy. **11** Ary ho mpanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerako masìna izy, dia ho mpiadidy ny amin' ny fiandrasana ny vavahadin' ny tempoly sy ho mpanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny tempoly; hisolo ny olona hamono ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa izy ary hitoetra eo anatrehany hanao fanompoam-pivavahana ho azy. **12** Satria nanao fanompoam-pivavahana ho azy teo anatrehan' ny sampiny izy ka tonga fahatafintohinana nahameloka ny taranak' Isiraely, dia izany no nananganako tanana hamely azy ka nilazako fa hitondra ny helony izy, hoy Jehovah Tompo, **13** ary tsy hanatona Ahy ho mpisoroko izy, na hanakaiky izay zavatra masìna na inona na inona, dia izay zavatra masìna indrindra; fa hitambesaran' ny fahamenarany sy ny fahavetavetana nataony izy. **14** Ary hotendreko ho mpitandrina ny anjara-raharaha ny amin' ny trano izy, dia ny fanompoana rehetra sy ny zavatra rehetra atao ao. **15** Fa ny Levita mpisorona, taranak' i zadoka kosa, izay nitandrina ny anjara-raharaha ny amin' ny fitoerako masìna, tamin' ny nivilian' ny zanak' Isiraely niala tamiko, dia izy no hanatona Ahy hanao fanompoam-pivavahana ho Ahy, ary izy no ho eo anatrehako hanatitra ho Ahy ny sabora sy ny rà, hoy Jehovah Tompo. **16** Eny, izy no hiditra ao amin' ny fitoerako masìna sy hanatona ny latabatro hanao fanompoam-pivavahana ho Ahy ary hitandrina izay nasaiko hotandremana. **17** Ary raha miditra any amin' ny vavahadin' ny kianja anatiny izy, dia hiakanjo rongony fotsy; fa tsy hisy volon' ondry eny aminy, raha manao fanompoam-pivavahana ao am-bavahadin' ny kianja anatiny sy ao anatiny izy. **18** Satroka rongony no ho eo an-dohany, ary kalisaona fohy rongony fotsy no ho eo am-balahany, ary tsy hifehy zavatra mahatsemboka azy izy. **19** Ary raha mivoaka ho any amin' ny kianja ivelany hankany amin' ny olona izy, dia hesoriny ilay fitafiana nentiny nanao fanompoam-pivavahana, ka havelany ao amin' ny efi-trano masìna, ary hitafy fitafiana hafa izy, fa tsy hanamasina ny olona amin' ireny fitafiany ireny. **20** Tsy hanaratra ny lohany izy, nefa kosa tsy hanao lava volo, fa hataony tsara hety. **21** Ny divay dia tsy hosotroin' izay mpisorona, raha miditra any amin' ny kianja anatiny izy. **22** Ary tsy hanambady vehivavy efa maty vady na izay efa nisaorana izy; fa virijiny avy amin' ny taranak' Isiraely, na izay novinadin' ny mpisorona efa maty no hovadiny. **23** Ary hampianatra ny oloko ny tsi-fitovian' ny masìna sy ny tsy masìna izy ary hampahafantatra azy ny tsi-fitovian' ny tsy madio sy ny madio. **24** Ary raha misy mifanditra, dia ireo no hitsangana hitsara, ka araka

ny fitsipiko no hitsarany azy; ary ny lalàko sy ny didiko dia hotandremany amin' ny fotoam-pivavahana rehetra voatendriko, ary ny Sabatako dia hohamasininy. **25** Ary tsy hiditra am-paty handoto ny tenany izy ireny; kanefa raha rainy, na reniny, na zananilahy, na zananivavy, na rahalahiny, na anabaviny tsy manam-bady, dia mahazo miditra am-paty ihany izy. **26** Ary rehefa voadio aza izy, dia mbola hampiandrasina hafitoana aloha. **27** Ary amin' ny andro hidirany ao amin' ny fitoerana masìna, dia any amin' ny kianja anatiny, hanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna, dia hanatitra ny fanatiny noho ny ota izy, hoy Jehovah Tompo. **28** Ary hisy lova ho azy, dia Izaho no lovany; ary tsy homenareo zara-tany eo amin' ny Isiraely izy, fa Izaho no anjarany. **29** Ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra noho ny ota ary ny fanati-panonerana no hohaniny; ary ny zavatra rehetra izay voatokana eo amin' ny Isiraely dia ho azy koa. **30** Ary ny santatry ny voaloham-bokatra rehetra avy amin' ny zavatra rehetra sy ny fanatitra rehetra izay alaina amin' ny zavatra atao fanatitra dia ho an' ny mpisorona; ary ny santatry ny kobanareo voafetafeta dia homenareo ny mpisorona koa, mba hampitoerana fitahiana ao an-tranonao. **31** Ny zavatra maty ho azy sy izay noviraviraim-biby, na vorona na biby dia samy tsy hohanin' ny mpisorona.

45 Ary rehefa zarainareo araka ny filokana ny tany mba ho lova, dia hisy hatokanareo ho fanatitra ho an' i Jehovah, dia anjara masìna amin' ny tany; ny lavany dia indimy arivo sy roa alin' ny volotara, ary ny sakany iray alina. Ho masìna any amin' ny fari-taniny rehetra manodidina izany. **2** Ary io dia hanalana efa-joro sotera ho tany masìna, dimam-jato ny lavany, ary dimanjato koa ny sakany; ary ho dimam-polo hakiho ny tany manodidina azy. **3** Eny, araka izany fandrefesana izany no handrefesanao dimy arivo amby roa alina ny lavany, ary iray alina ny sakany; ary ho ao amin' io ny fitoerana masìna, dia ny masìna indrindra. **4** Ho anjara masìna amin' ny tany izany ka ho an' ny mpisorona, mpanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna, dia izay manatona hanao fanompoam-pivavahana ho an' i Jehovah, ary ho fitoeran' ny tranony sy ho tany masìna hasiana ny fitoerana masìna. **5** Ary tany dimy arivo amby roa alina ny lavany, ary iray alina ny sakany, no ho an' ny Levita, mpanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny trano; ho zara-tany ho azy izany efi-trano roa-polo. **6** Ary homenareo koa ny zara-tany ho an' ny tanàna, dimy arivo ny sakany, ary dimy arivo amby roa alina ny lavany, mifanolotra amin' ny anjara masìna voatokana; ho an' ny taranak' Isiraely rehetra izany. **7** Ary ny mpanjaka dia homenareo tany eo an-daniny roa amin' ny anjara masìna voatokana sy amin' ny tany ho an' ny tanàna, dia ny mifanolotra amin' ny anjara masìna voatokana sy ny mifanolotra amin' ny tany ho an' ny tanàna, hatreo amin' ny andrefana mikipaka miankandrefana, ary hatreo amin' ny atsinanana mikipaka miantsinanana; ary ny sakany, dia mifanolotra amin' ireo anjaran' ny firenena, na amin' ny andrefana na amin' ny atsinanana. **8** Ho taniny izany, dia anjara ho azy ao amin' ny Isiraely, ary ireo mpanjaka voahosotro dia tsy hampahory ny oloko intsony, fa hahafoy ny tany ho an' ny taranak' Isiraely isam-pireneny. **9** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Aoka izay, ry mpanjakan' ny Isiraely! Ajanony ny halozana sy ny fampahoriana, ary manaova fitsarana sy fahamarinana; atsaharo ny fandroahanareo ny oloko, hoy Jehovah Tompo. **10** Mizana marina sy efaha marina ary bata marina no aoka hotananareo. **11** Hitovy fatra ny efaha sy ny bata, ary ny bata hahalany ny ampahafolon' ny homera, ary ny efaha koa dia ampahafolon' ny homera: ny homera no mariky ny fatrany. **12** Ny sekely dia roa-polo gera; sekely roa-polo sy dimy amby roa-polo ary dimy ambin' ny folo no ho manenareo. **13** Izao no zavatra haloanareo: Ny ampahenin' ny efaha isaky ny homeran' ny vary tritika; ary haloanareo koa ny ampahenin' ny efaha isaky ny homeran' ny vary hordea; **14** ary ny didy ny amin' ny diloilo (ny diloilo iray bata) dia ampahafolon' ny bata isaky ny kora; fa ny homera dia misy bata folo, satria bata folo no homera iray. **15** Ary ondry iray isan-droanjato amin' ny tanin' ny Isiraely izay azon-drano no haloanareo hatao fanatitra hohanina sy fanatitra dorana ary fanati-pihavanana, mba hanaovana fanavotana ho an' ny vahoaka, hoy Jehovah Tompo. **16** Ny vahoaka rehetra no handoa izany ho an' ny mpanjakan' ny Isiraely. **17** Fa ny mpanjaka kosa no hiantoka ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hohanina ary ny fanatitra aidina amin' ny andro firavoravoana sy ny voaloham-bolana ary ny Sabata, dia amin' ny fotoam-pivavahana rehetra tandreman' ny taranak' Isiraely; eny, izy no hiantota ny fanatitra noho ny ota sy ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra dorana ary ny fanati-pihavanana, mba hanaovana fanavotana ho an' ny taranak' Isiraely. **18** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Raha mby amin' ny andro voalohany amin' ny volana voalohany dia haka vantotr' ombilahy tsy misy kilema ianao ka hanadio ny fitoerana masìna. **19** Ary hangalan' ny mpisorona ny ran' ny fanatitra noho ny ota ka hatentiny amin' ny tolan' ny trano sy amin' ny zoro efatra amin' ny rindrin' ny alitara ary amin' ny tolan' ny vavahadin' ny kianja anatiny. **20** Ary toy izany koa no hataonao amin' ny andro fahafito amin' ny volana ho an' ny olona manota tsy nahy, na noho izy kely saina, ka dia hanao fanavotana ho an' ny trano ianareo. **21** Amin' ny andro fahefatra ambin' ny folo amin' ny volana voalohany no hanaovanareo ny Paska; andro firavoravoana hafitoana izany, ka mofo tsy misy masirasira no hohanina. **22** Ary amin' izany andro izany ny mpanjaka dia hanatitra vantotr' ombilahy iray hatao fanatitra noho ny ota ho an' ny tenany sy ny vahoaka rehetra. **23** Ary amin' ny andro firavoravoana hafitoana dia hanatitra fanatitra dorana isan' andro mandritra ny hafitoana ho an' i Jehovah izy, dia vantotr' ombilahy fito sy ondrilahy fito tsy misy kilema, ary osilahy iray isan' andro hataony fanatitra noho ny ota. **24** Ary hanatitra ny fanatitra hohanina koa izy, dia iray efaha isam-bantotr' ombilahy sy iray efaha isan-ondrilahy, ary diloilo eran' ny hina isan-efaha. **25** Amin' ny andro fahadimy ambin' ny folo amin' ny volana fahafito, amin' ny andro firavoravoana, dia hanatitra tahaka izany koa hafitoana izy, na ny fanatitra noho ny ota, na ny fanatitra dorana, na ny fanatitra hohanina, na ny diloilo.

46 Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Ny vavahadin' ny kianja anatiny izay manatrika ny atsinanana dia harindrina mandritra ny henemana fanaovan-draharaha; fa amin' ny Sabata sy amin' ny andro voaloham-bolana kosa no hivoha izy. **2** Dia hiditra avy any ivelany amin' ny lalana mankamin' ny lavarangan' ny vavahady ny mpanjaka ka hijanona eo anilan' ny tolam-bavahady, ary ny fanatitra dorany sy ny fanati-pihavanany dia haterin' ny mpisorona, ary ny mpanjaka hiankohoka eo amin' ny tokonam-bavahady, dia hivoaka izy; ary tsy hirindrina ny vavahady, raha tsy efa hariva ny andro. **3** Ary ny vahoaka koa hiankohoka eo anatrehan' i Jehovah eo am-bavahady amin' ny Sabata sy amin' ny andro voaloham-bolana. **4** Ary ny fanatitra dorana izay haterin' ny mpanjaka ho an' i Jehovah amin' ny andro Sabata dia zanak' ondry enina tsy misy kilema sy ondrilahy iray tsy misy kilema koa. **5** Ary ny fanatitra hohanina fanampin' ilay ondrilahy iray dia iray efaha, ary ny fanatitra hohanina fanampin' ireo zanak' ondry dia araka izay tiany, ary ny diloilo iray hina isan' efaha. **6** ary amin' ny andro voaloham-bolana dia vantotr' ombilahy iray tsy misy kilema sy zanak' ondry enina ary ondrilahy iray; samy tsy hisy kilema ireo. **7** Ary hanatitra fanatitra hohanina izy, dia iray efaha isam-bantotr' ombilahy sy iray efaha isan-ondrilahy koa; ary ny amin' ny zanak' ondry dia araka izay tiany, ary ny diloilo dia iray hina isan' efaha. **8** Ary raha miditra ny mpanjaka, dia amin' ny lalana mankamin' ny lavarangan' ny vavahady no hidirany ary amin' ny lalana nalehany ihany koa no hivoahany. **9** Fa raha ny vahoaka kosa no miditra ho eo anatrehan' i Jehovah amin' ny fotoam-pivavahana, dia izay miditra amin' ny vavahady avaratra hiankohoka dia hivoaka amin' ny vavahady atsimo kosa; ary izay miditra amin' ny vavahady atsimo dia hivoaka amin' ny vavahady avaratra kosa: tsy hiverina amin' ilay vavahady nidirany izy, fa amin' izay tandrifiny ihany no hivoahany **10** Ary ny mpanjaka dia hiara-miditra amin' ireo, ary raha mivoaka ireo, dia hiara-mivoaka aminy. **11** Ary amin' ny andro firavoravoana sy ny fotoam-pivavahana dia iray efaha no ho fanatitra hohanina isam-bantotr' ombilahy iray, ary iray efaha isan-ondrilahy iray, ary ny amin' ny zanak' ondry, dia araka izay tiany, ary ny diloilo dia eran' ny hina isan-efaha. **12** Ary raha ny mpanjaka no manatitra fanatitra dorana na fanati-pihavanana ho fanatitra sitrapo ho an' i Jehovah, dia hovohana ho azy ny vavahady manatrika ny atsinanana, dia hateriny ny fanatitra dorany sy ny fanati-pihavanany, tahaka izay àtaony amin' ny Sabata; ary rehefa tafavoaka izy, dia harindrina ny vavahady. **13** Ary zanak' ondry anankiray iray taona tsy misy kilema no haterinao isan' andro ho fanatitra dorana ho an' i Jehovah; isa-maraina no hanateranao azy. **14** Ary hanatitra fanatitra hohanina ho fanampiny isa-maraina ianao, dia ampahenin' ny efaha sy diloilo ampahatelon' ny hina handemana ny koba tsara toto; fanatitra hohanina ho an' i Jehovah izany: lalàna tsy miova mandrakizay izany. **15** Ary toy izany no anatero ny zanak' ondry sy ny fanatitra hohanina ary ny diloilo isa-maraina ho fanatitra mandrakariva. **16** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Raha manome zavatra ho an' ny anankiray amin' ny zanany ny mpanjaka, dia ho lovan' ny zanany izany; eny, ho zara-lovany izany. **17** Fa raha manome zavatra avy amin' ny lovany ho an' ny anankiray amin' ny mpanompony kosa izy, dia ho azy mandra-pahatongan' ny taona fanafahana ihany izany; dia hiverina ho amin' ny mpanjaka indray izany ka ho lova ho an' ny zanany ihany. **18** Ary tsy haka amin' ny lovan' ny vahoaka hampiala azy amin' ny zara-taniny izy; fa homeny lova avy amin' ny fananany ihany ny zanany, mba tsy hielezan' ny oloko hiala amin' ny zara-taniny. **19** Dia nentiny niditra tamin' ny fidirana eo anilan' ny vavahady aho ho ao amin' ireo efi-trano masin' ny mpisorona, izay manatrika ny avaratra; ary, indro, nisy fitoerana teo amin' ny faran' ny andrefana. **20** Dia hoy izy tamiko: Io no fitoerana fahandroan' ny mpisorona ny fanati-panonerana sy ny fanatitra noho ny ota sy hanendasany ny fanatitra hohanina, mba tsy hitondrany azy mivoaka lò any amin' ny kianja ivelany hanamasina ny olona. **21** Dia nentiny nivoaka ho any amin' ny kianja ivelany aho ka nampiteteziny ny zorony efatra amin' ny kianja; ary, indro, ao amin' ny isan-joron' ny kianja dia nisy kianja hafa koa. **22** Teny amin' ny zorony efatra amin' ny kianja dia nisy kianja nofefena, efa-polo hazizo avy ny lavany, ary telo-polo avy ny sakany; mitovy ohatra ireo an-jorony efatra ireo. **23** Ary nisy rafitra teo anatiny manodidina azy, dia manodidina ireo efatra ireo, izay nisy fahandroana ambanin' izany rafitra manodidina izany. **24** Dia hoy izy tamiko: Ireto no tranon' ny mpahandro, izay fahandroan' ny mpanao fanompoam-pivavahana eto an-trano ny fanatitra halatsa-drà aterin' ny olona.

47 Dia nentiny niverina ho eo amin' ny varavaran' ny trano aho; ary, indro, nisy rano niboika avy eo atsinanana eo ambanin' ny tokonan' ny trano; fa manatrika ny atsinanana ny trano, ary ny rano nidina avy teo ambanin' ny lafiny ankavanan' ny trano teo atsimon' ny alitara. **2** Dia nentiny nivoaka tamin' ny lalana mankamin' ny vavahady avaratra aho ka nampandehaniny manodidina tamin' ny lalana ivelany, hankany amin' ny vavahady ivelany, dia teo amin' ny lalana manatrika ny atsinanana, ary, indro, nisy rano nipoitra avy teo amin' ny ilany ankavanana. **3** Ary nony nandeha niantsinanana ralehilahy, nisy famolaina teny an-tànany, ka nandrefy arivo hakiho izy, dia nampitainy ny rano aho, ka hakitrokely ny rano. **4** Ary nandrefy arivo hakiho indray izy, dia nampitainy ny rano aho, ka halohalika ny rano. Ary nandrefy arivo hakiho indray izy, dia nampitainy aho, ka havalahana ny rano. **5** Ary nandrefy arivo hakiho indray koa izy, ary efa ony tsy azo itana, fa efa nihalalina ny rano, dia rano holanosina, eny, ony tsy azo itana. **6** Dia hoy izy tamiko: Ry zanak' olona, efa hitanao va izany? Dia nitondra ahy niverina ho eny amoron' ny ony izy. **7** Ary nony niverina aho, indro, nisy hazo betsaka teny amoron' ny ony, dia teny an-daniny roa. **8** Dia hoy izy tamiko: Ity rano ity dia mivoaka hankany amin' ny tany atsinanana, dia midìna any amin' ny tani-hay ka miditra eo amin' ny ranomasina; ary rehefa tonga eo an-dranomasina izy, dia sitrana ny rano. **9** Ary ny zava-manan' aina rehetra sesehena na aiza na aiza alehan' ny ony tondraka dia ho velona, ka hisy hazandrano sesehena; fa nony tonga ao ity rano ity, dia

ho sitrana izy, ary ho velona izay rehetra hidiran' ny ony. **10** Ary hisy mpaka hazandrano hitsangana eny amorony hatrany En-jedy ka hatrany En-eglaima; ho famelarana harato izany; ary ny hazandranony ho maro karazana, tahaka ny hazandrano betsaka dia betsaka any amin' ny Ranomasina Lehibe. **11** Fa ny honahona sy ny heniheny dia tsy hositranina, fa havela ho sira. **12** Ary eny amoron' ny ony, eny an-daniny roa, no anirian' ny hazo rehetra fihinamboa; tsy halazo ny raviny, na ho lany ny voany; fa hamoa voa vaovao isam-bolana izy, satria mivoaka avy ao amin' ny fitoerana masìna ny ranony; ary ho fihinana ny voany, ary ho fanafody ny raviny. **13** Izao no lazain' i Jehovah Tompo: Izao no faritry ny tany hozarainareo ho lova araka ny firenen' Isiraely roa ambin' ny folo; anjaran-droa no ho an' i Josefa. **14** Ary samy handova avokoa ianareo rehetra, satria efa nanangan-tanana hanome ity ho an' ny razanareo Aho, ka dia ho azonareo ho lova ity tany ity. **15** Ary izao no faritry ny tany: Ny lafiny avaratra dia hatramin' ny Ranomasina Lehibe amin' ny lalana mankany Hetlona ka hatrany akaikin' i zedada, **16** dia Hamata, Berota, Sibraima, izay eo anelanelan' ny faritanin' i Damaskosy sy ny fari-tanin' i Hamata, Hazara afovoany, izay eo antsisin' i Haorana. **17** Ary ny fari-taniny dia hatramin' ny ranomasina, dia Hazar-enana, fari-tanin' i Damaskosy, ary amin' ny avaratra dia Hamata no fari-taniny. Izany no lafiny avaratra. **18** Ary ny lafiny atsinanana hatrany anelanelan' i Haorana sy Damaskosy sy Gileada ary ny tanin' ny Isiraely dia Jordana; hatramin' ny fari-tany ka hatreo amoron' ny ranomasina atsinanana no horefesinareo. Izany no lafiny atsinanana. **19** Ary ny lafiny atsimo dia hatrany Tamara dia hatramin' ny ranon' i Meriba any Kadesy sy ny lohasahandriaka ka hatramin' ny Ranomasina Lehibe. Izany no lafiny atsimo. **20** Ny lafiny andrefana koa dia ny Ranomasina Lehibe hatramin' ny faritany ka hatrany akaikin' i Hamata. Izany no lafiny andrefana. **21** Hozarainareo ho anareo izany tany izany araka ny firenen' Isiraely. **22** Ary amin' ny filokana no hizaranareo azy ho lovanareo sy ny vahiny monina ao aminareo, izay miteraka ao aminareo; ka izy dia hataonareo ho tahaka ny tena zanak' Isiraely; hiara-manao filokana aminareo hiara-mandova amin' ny firenen' Isiraely izy. **23** Ary amin' izay firenena hitoeran' ny vahiny dia ao no hanomezanareo azy ny lovany, hoy Jehovah Tompo.

48 Ary izao no anaran' ny firenena: Hatramin' ny farany avaratra any amoron-dranomasina amin' ny lalana mankany Hetlona any akaikin' i Hamata sy Hazar-enana, fari-tanin' i Damaskosy eo avaratra, any anilan' i Hamata; izany no ho lafiny atsinanana sy andrefana; anjara iray ho an' i Dana. **2** Ary mifanolotra amin' ny fari-tanin' i Dana hatrany atsinanana ka hatrany andrefana dia iray koa ho an' i Asera. **3** Ary mifanolotra amin' ny fari-tanin' i Asera, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana dia iray koa ho an' i Naftaly. **4** Ary mifanolotra amin' ny faritanin' i Naftaly, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, dia iray koa ho an' i Manase, **5** Ary mifanolotra amin' ny fari-tanin' i Manase, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, dia iray koa ho an' i Efraima. **6** Ary mifanolotra amin' ny fari-tanin' i Efraima, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, dia iray koa ho an? i Robena. **7** Ary mifanolotra amin' ny fari-tanin' i Robena, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, dia iray koa ho an' i Joda. **8** Ary mifanolotra amin' ny faritanin' i Joda, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, no hisian' ilay tany hatokanareo, indimy arivo amby roa alin' ny volotara ny sakany, ary ny lavany mitovy amin' ny anjaran' ny sasany hatrany atsinanana ka hatrany andrefana; ary ny fitoerana masìna no ho eo afovoany. **9** Ny tany izay hatokanareo ho an' i Jehovah, dia dimy arivo amby roa alina ny lavany, ary iray alina ny sakany. **10** Ary ho an' ny mpisorona izany tany masìna voatokana izany, dimy arivo amby roa alina ny lavany avaratra, ary iray alina ny sakany andrefana, ary iray alina ny sakany atsinanana, ary dimy arivo amby roa alina ny lavany atsimo; ary ny fitoerana masin' i Jehovah no ho eo afovoany. **11** Ho an' ny mpisorona izay nohamasinina avy amin' ny taranak' i zadota izany, dia ireo nitandrina ny nasaiko notandrenam ka tsy nivily tamin' ny nivilian' ny zanak' Isiraely, tahaka ny nivilian' ny Levita, **12** eny, ho azy izany ho tany halaina amin' ilay efa voatokana, dia zavatra masìna indrindra, mifanolotra amin' ny faritanin' ny Levita. **13** Ary ny Levita koa dia hahazo ny mifanolotra amin' ny fari-tanin' ny mpisorona, dia dimy arivo amby roa alina ny lavany, ary iray alina ny sakany, eny, samy dimy arivo amby roa alina ny lavany, sy iray alina ny sakany. **14** Ary tsy ho azony hamidy izany, na hatakalo, ary tsy hafindrany ny voaloham-bokatra amin' ny tany; fa masìna ho an' i Jehovah izany. **15** Ary ny dimy arivo, ilay navela tamin' ny sakany mifanolotra amin' ny dimy arivo amby roa alina, dia tsy masìna, fa ho an' ny tanàna, ho fonenana sy ho tany fiandrasana; ary ny tanàna no ho ao afovoany. **16** Ary izao no ohany: Ny avaratra ho dinan-jato amby efatra arivo, ary ny atsimo ho diman-jato amby efatra arivo, ary ny atsinanana ho diman-jato amby efatra arivo, ary ny andrefana ho diman-jato amby efatra arivo. **17** Ary ny amin' ny tany fiandrasana momba ny tanàna, ny eo amin' ny avaratra dia ho dimam-polo amby roan-jato, ary ny eo amin' ny atsinanana dia ho dimam-polo amby roan-jato, ary ny eo amin' ny andrefana dia ho dimam-polo amby roan-jato. **18** Ary ny lavany sisa mifanolotra amin' ny anjara masìna voatokana dia iray alina atsinanana ary iray alina andrefana, ary hifanolotra amin' ny anjara masìna voatokana izany; ary ny vokany hohanin' ny mpiasa ao an-tanàna. **19** Ary izay mpiasa ao an-tanàna avy amin' ny firenen' Isiraely rehetra no hiasa azy. **20** Ny tany voatokana rehetra dia dimy arivo amby roa alina sokera; ny ampahefatry ny anjara masìna voatokana dia halainareo ho zara-tany momba ny tanàna. **21** Ary ho an' ny mpanjaka ny sisa an-daniny roa amin' ny anjara masìna voatokana sy ny zara-tany momba ny tanàna; mifanolotra amin' ny dimy arivo amby roa alina amin' ny anjara voatokana hatramin' ny fari-tany atsinanana, ary mifanolotra amin' ny dimy arivo amby roa alina hatramin' ny fari-tany andrefana, mifanolotra amin' ireo anjaran' ny sasany, ho an' ny mpanjaka izany; ary ny anjara masìna voatokana sy ny trano fitoerana masìna no ho eo aforoany. **22** Ary hatramin' ny zara-tanin' ny Levita sy ny zara-tany momba ny tanàna, sy ao ampovoan' ny an'

ny mpanjaka, anelanelan' ny fari-tanin' i Jada sy Benjamina, dia ho an' ny mpanjaka izany. **23** Ary ny amin' ny firenena sisa, dia hatramin' ny lafiny atsinanana ka hatramin' ny andrefana, dia hisy anjara iray ho an' i Benjamina. **24** Ary mifanolotra amin' ny faritanin' i Benjamina, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, dia iray koa ho an' i Simeona. **25** Ary mifanolotra amin' ny faritanin' i Simeona, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, dia iray koa ho an' Isakara. **26** Ary mifanolotra amin' ny faritanin' Isakara, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, dia iray koa ho an' i Zebolona. **27** Ary mifanolotra amin' ny faritanin' i Zebolona, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, dia iray koa ho an' i Gada. **28** Ary mifanolotra amin' ny faritanin' i Gada, amin' ny lafiny atsimo, dia hatrany Tamara sy ny ranon' i Meriba any Kadesy sy ny lohasahan-driaka ka hatramin' ny Ranomasina Lehibe. **29** Izany no tany hozarainareo amin' ny filokana ho an' ny firenen' Isiraely ho lovany, ary izany no ho anjarany ary, hoy Jehovah Tompo. **30** Ary izao no ohatry ny tanàna amin' ny lafiny avaratra: diman-jato amby efatra arivo. **31** Ary ny anaran' ny vavahady dia ho toy ny anaran' ny firenen' Isiraely: ny vavahady telo avaratra, dia vavahadin' i Robena ny iray vavahadin' i Joda ny iray, vavahadin' i Levy ny iray. **32** Ary amin' ny atsinanana dimanjato amby efatra arivo; ary ny vavahady telo, dia vavahadin' i Josefa ny iray, vavahadin' i Benjamina ny iray, ary vavahadin' i Dana ny iray. **33** Ary amin' ny atsimo diman-jato amby efatra arivo ohatra, ary ny vavahady telo, dia vavahadin' i Simeona ny iray, vavahadin' Isakara ny iray, vavahadin' i Zebolona ny iray. **34** Ary amin' ny andrefana dimanjato amby efatra arivo sy vavahady telo, dia vavahadin' i Gada ny iray, vavahadin' i Asera ny iray, vavahadin' i Naftaly ny iray. **35** Valo arivo amby iray alina ny manodidina. Ary ny anaran' ny tanàna hatramin' izay andro izay dia Jehovah no ao.

Daniela

1 Tamin' ny taona fahatelo nanjakan' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda, no nankanesan' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, tany Jerosalema sy nanaovany fahirano azy. **2** Ary ny Tompo nanolotra an' i Joiakima, mpanjakan' ny Joda, mbamin' ny fanaka sasany tao antranon' Andriamanitra ho eo an-tànany, ka nentiny ho any amin' ny tany Sinara ireny, ho ao an-tranon' andriamaniny; koa ny fanaka dia nampidiriny tao amin' ny trano firaketan' andriamaniny. **3** Ary ny mpanjaka nandidy an' i Aspenaza, lehiben' ny tandapany, hitondra ny sasany amin' ny Zanak' Isiraely, dia amin' ny zanak' andriana na amin' ny ambony firazanana, **4** dia zatovo izay tsy nisy kilema, fa tsara tarehy sady kanto amin' ny fahendrena rehetra sy manampahalalana ary mazava saina ka miendrika hitoetra ao andapan' ny mpanjaka sady nasainy nampianarina ny taratasy sy ny tenin' ny Kaldeana. **5** Ary ny mpanjaka nampanokana hanina ho an' ireo isan' andro avy tamin' ny haniny sy avy tamin' ny divay izay fisotrony mba hamelomana azy telo taona, ary rehefa afaka izany, dia hitoetra eo anatrehan' ny mpanjaka izy. **6** Ary tamin' ireo dia nisy avy amin' ny taranak' i Joda, dia Daniela sy Hanania sy Misaela ary Azaria. **7** Ary izy ireo nomen' ny lehiben' ny tandapa anarana, ka Daniela nataony hoe Beltesazara, ary Hanania nataony hoe Sadraka, ary Misaela nataony hoe Mesaka, ary Azaria nataony hoe Abednego. **8** Ary Daniela ninia tao am-pony tsy handoto ny tenany tamin' ny anjarahanina avy tamin' ny hanin' ny mpanjaka, na tamin' ny divay izay fisotrony; ka dia nangataka tamin' ny lehiben' ny tandapa izy mba havelany tsy handoto ny tenany. **9** Dia nataon' Andriamanitra nahita fitia sy famindram-po tamin' ilay lehiben' ny tandapa Daniela. **10** Ary hoy ilay lehiben' ny tandapa tamin' i Daniela: Matahotra ny mpanjaka tompoko izay nampanokana ny hohaninareo sy ny hosotroinareo aho; fa hanao ahoana raha mahita ny tarehinareo mahia noho ny an' ny zatovo namanareo izy, moa tsy hahameloka ahy amin' ny mpanjaka va ianareo, ka hotapahiny ny lohako? **11** Dia hoy Daniela tamin' ny mpiadidy, izay notendren' ny lehiben' ny tandapa ho mpiadidy an' i Daniela sy Hanania sy Misaela ary Azaria: **12** Masìna ianao, izahao toetra hafoloana izahay mpanomponao, ary aoka homena hanin-kotrana hohaninay sy rano hosotroinay. **13** Dia aoka hizahana eo anatrehanao ny tarehinay sy ny tarehin' ny zatovo izay mihinana ny anjara avy amin' ny hanin' ny mpanjaka, ary araka izay hitanao no ataovy amin' ny mpanomponao. **14** Ary nanaiky izany teny izany izy ka nizaha toetra azy hafoloana. **15** Ary nony tapitra ny hafoloana, dia hita fa mandimandina sy matavy aza ny tarehiny noho ny an' ny zatovo rehetra izay nihinana anjara avy tamin' ny hanin' ny mpanjaka. **16** Dia najanon' ilay mpiadidy ny anjara-haniny sy ny divay hosotroiny, ka hanin-kotrana no nomeny azy. **17** Ary ireo zatovo efadahy ireo dia nomen' Andriamanitra fahalalana sy saina ny amin' ny taratasy sy ny fahendrena rehetra; ary Daniela nahafantatra ny amin' ny fahitana sy ny nofy rehetra. **18** Ary nony tonga ny andro nasain' ny mpanjaka hampidirana azy, dia nentin' ilay lehiben' ny tandapa niditra teo anatrehan' i Nebokadnezara izy. **19** Ary ny mpanjaka niresaka taminy, ka tsy nisy hita izay tahaka an' i Daniela sy Hanania sy Misaela ary Azaria tamin' izy rehetra, ka dia nitoetra teo anatrehan' ny mpanjaka izy ireo. **20** Ary ny amin' ny fahendrena sy ny fahalalana rehetra izay nanontanian' ny mpanjaka azy, dia hitany fa nanan-tombo im-polo heny noho ny ombiasy rehetra sy ny mpisikidy izay teo amin' ny fanjakany rehetra aza izy. **21** Ary Daniela nahatratra ny taona voalohany nanjakan' i Kyrosy mpanjaka.

2 Ary tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Nebokadnezara dia nanonofy Nebokadnezara, ka nitebiteby ny fanahiny, ary tsy nahita torimaso izy. **2** Dia nasain' ny mpanjaka nantsoina ny ombiasy sy ny mpisikidy sy ny mpanana ody ary ny Kaldeana hilaza amin' ny mpanjaka ny nofiny. Dia tonga ireny ka nitsangana teo anatrehan' ny mpanjaka. **3** Ary hoy ny mpanjaka taminy: Nanonofy aho, ka mitebiteby ta-hahalala ny nofy ny fanahiko. **4** Dia niteny tamin' ny mpanjaka amin' ny teny Aramiana ireny Kaldeana ireny ka nanao hoe: Ry mpanjaka ô, ho velona mandrakizay anie ianao, ambarao aminay mpanomponao ny nofy, dia holazainay ny heviny. **5** Dia namaly ny mpanjaka ka nanao tamin' ireny Kaldeana ireny hoe: Efa niloa-bava aho; raha tsy hampahafantarinareo ahy ny nofy sy ny heviny, dia hotetitetehina ianareo, ary ny tranonareo hatao trano fivoahana. **6** Fa raha milaza ny nofy sy ny heviny kosa ianareo, dia hahazo fanomezana sy valim-pitia ary voninahitra be; koa ambarao ahy ny nofy mbamin' ny heviny. **7** Dia namaly indray ireo ka nanao hoe: Aoka ny mpanjaka hilaza ny nofy aminay mpanompony, dia hambaranay ny heviny. **8** Fa ny mpanjaka namaly ka nanao hoe: Fantatro marimarina fa mandany andro foana ianareo, satria hitanareo fa efa niloa-bava aho. **9** Fa raha tsy hampahafantarinareo ahy ny nofy, dia lalàna iray monja no hitondrana anareo; fa ianareo miray tetika hilaza teny lainga sy ararirara foana eto anatrehako mandra-pahatongan' izay andro mahamety; koa ambarao ahy ny nofy, dia ho fantatro fa mahalaza ny heviny amiko koa ianareo. **10** Ny Kaldeana namaly teo anatrehan' ny mpanjaka hoe: Tsy misy olona etỳ ambonin' ny tany mahay milaza izany nofin' ny mpanjaka izany; fa tsy mbola nisy mpanjaka, na dia izay lehibe sy mahery aza, nila zavatra toy izany tamin' ny ombiasy sy ny mpisikidy ary ny Kaldeana. **11** Ary sarotra ny zavatra anontanian' ny mpanjaka, ka tsy misy mahay milaza izany eo anatrehan' ny mpanjaka afa-tsy ireo andriamanitra, izay tsy manam-ponenana amin' ny nofo. **12** Dia vinitra sady tezitra indrindra ny mpanjaka noho izany, ka nasainy naringana ny olon-kendrin' i Babylona rehetra. **13** Ary navoaka ny didy nampamono ny olon-kendry; ary Daniela sy ny namany koa mba notadiaviny hovonoina. **14** Dia novalian' i Daniela tamin' ny fanahy sy ny fahendrena Arioka lehiben' ny mpiambina ny mpanjaka, izay nivoaka hamono ny olon-kendrin' i Babylona; **15** eny, namaly izy ka nanao tamin' i Arioka, lehibe voatendrin' ny mpanjaka, hoe: Nahoana no dia mafy toy izany ny teny

avy amin' ny mpanjaka? Dia nambaran' i Arioka tamin' i Daniela ilay teny. **16** Dia niditra Daniela ka nangataka tamin' ny mpanjaka hanome andro azy, dia holazainy amin' ny mpanjaka ny hevitry ny nofy. **17** Ary Daniela nody tany an-tranony ka nanambara ilay teny tamin' i Hanania sy Misaela ary Azaria namany, **18** mba hangatahan' ireo famindram-po amin' Andriamanitry ny lanitra ny amin' izany zava-miafina izany, mba tsy haringana Daniela sy ny namany mbamin' ny olon-kendrin' i Babylona rehetra. **19** Dia naseho an' i Daniela tamin' ny fahitana amin' ny alina izany zava-miafina izany, ka dia nisaotra an' Andriamanitry ny lanitra Daniela. **20** Eny, niteny izy ka nanao hoe: Isaorana anie ny anaran' Andriamanitra mandrakizay mandrakizay, fa Azy ny fahendrena sy ny hery. **21** Ary Izy no mandahatra ny andro sy ny fotoana; Izy no manaisotra mpanjaka sy manangana mpanjaka; Izy no manome fahendrena ho an' ny hendry sy fahalalana ho an' izay mazava saina. **22** Izy no mampiseho ny zavatra lalina sy miafina; Izy no mahalala izay ao amin' ny maizina, ary ny mazava mitoetra ao aminy. **23** Hianao, ry Andriamanitry ny razako ô, no deraiko sy isaorako, satria nomenao fahendrena sy hery aho, ary ankehitriny efa nampahafantarinao ahy izay nangatahinay taminao; fa nampahafantarinao anay ilay nofin' i ny mpanjaka. **24** Ary noho izany Daniela dia niditra nankao amin' i Arioka, izay notendren' ny mpanjaka handringana ny olon-kendrin' i Babylona, eny, nandeha izy ka nanao taminy hoe: Aza mandringana ny olon-kendrin' i Babylona; fa ento ho eo anatrehan' ny mpanjaka aho, dia hambarako aminy ny hevitry ny nofiny. **25** Dia nentin' i Arioka faingana ho eo anatrehan' ny mpanjaka Daniela, ka hoy izy taminy: Nahita lehilahy isan' ny babo avy any Joda aho, izay hilaza amin' ny mpanjaka ny hevitry ny nofy. **26** Ny mpanjaka namaly ka nilaza tamin' i Daniela, izay atao hoe koa Beltesazara, hoe: Moa mahay manambara amiko ny nofy izay hitako mbamin' ny heviny va ianao? **27** Dia namaly teo anatrehan' ny mpanjaka Daniela nanao hoe: Ilay zava-miafina nanontanian' ny mpanjaka dia tsy hain' ny olon-kendry, na ny mpisikidy, na ny ombiasy, na ny mpanandro, nolazaina tamin' ny mpanjaka; **28** kanefa misy Andriamanitra any an-danitra, Izay mampiseho zava-miafina ka mampahafantatra an' i Nebokadnezara mpanjaka izay ho tonga any am-parany. Ny nofinao sy ny fahitan' ny lohanao teo amin' ny farafaranao dia izao: **29** Ny aminao, ry mpanjaka ô, raha nandry ianao, dia tonga ny eritreritrao ny amin' izay ho avy rahatrizay; ary Izay mampiseho zava-miafina dia mampahafantatra anao izay ho avy. **30** Ary izaho aza, dia tsy noho ny fahendrena ananako mihoatra noho ny olombelona rehetra tsy akory no nampisehoana tamiko ny zava-miafina, fa ny mba hampahafantarana ny mpanjaka ilay hevitra, ka hahafantaranao ny eritreritry ny fonao. **31** Hianao, ry mpanjaka ô, nahita fa, indro, nisy sariolona lehibe anankiray. Izany sary izany dia lehibe sady namirapiratra tsara, nijoro teo anatrehanao izy, ary ny tarehiny dia nahatahotra. **32** Ny lohan' izany sary izany dia volamena tsara, ny tratrany sy ny sandriny dia volafotsy, ny kibony sy ny feny dia varahina, **33** ny ranjony dia vy, ary ny tongony dia vy sy tanimanga. **34** Nijery ianao ambara-pahanisy vato voaendaka, nefa tsy nendahan-tanana, ary namely ilay sary teo amin' ny tongony vy sy tanimanga iny ka nahatorotoro azy. **35** Dia niara-torotoro ny vy sy ny tanimanga sy ny varahina sy ny volafotsy ary ny volamena ka tonga toy ny akofa eo am-pamoloana fahavaratra; ary nopaohin' ny rivotra izy, ka tsy nisy hitoerany, ary ilay vato namely ny sary dia tonga tendrombohitra lehibe nahafeno ny tany rehetra. **36** Izany no nofy, ary holazainay eto anatrehan' ny mpanjaka koa ny heviny. **37** Hianao, ry mpanjaka ô, izay mpanjakan' ny mpanjaka sady nomen' Andriamanitry ny lanitra fanjakana sy hery sy fahaleovana ary voninahitra, **38** ka ny zanak' olombelona sy ny bibidia ary ny voro-manidina, na aiza na aiza itoerany, dia nomeny ho eo an-tananao, ary nataony ho mpanjakan' izy rehetra ianao, dia ianao izany loha volamena izany. **39** Ary manarakaraka anao dia hisy fanjakana hafa hitsangana ambany noho ny anao, ary hisy fanjakana fahatelo koa izay varahina sady hanam-pahefana amin' ny tany rehetra. **40** Ary ny fanjakana fahefatra dia ho mafy toy ny vy; fa toy ny vy manorotoro sy mahamongomongo ny zavatra rehetra, ary toy ny famakivakin' ny vy ireo rehetra ireo, dia toy izany no amakivakiany sy anorotoroany azy. **41** Ary satria hitanao ny tongotra sy ny rantsan-tongotra, fa ny tapany tanimangan' ny mpanefy tanimanga, ary ny tapany vy dia ho fanjakana mizarazara izy; nefa hisy herimby ao aminy, satria nahita vy miharo tanimanga mbola fotaka ianao. **42** Ary toy ny rantsan-tongotra, ny tapany vy, ny tapany tanimanga, dia ho toy izany ny fanjakana, ny tapany ho mafy, ary ny tapany ho malemy. **43** Ary toy ny nahitanao ny vy miharo tanimanga mbola fotaka, dia ho toy izany no hiharoany amin' ny taranak' olombelona; nefa tsy hitambatra izy, dia toy ny tsi-fetezan' ny vy miharo amin' ny tanimanga. **44** Ary amin' ny andron' ireo mpanjaka ireo Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay; ary izany fanjakana izany tsy havela ho an' olon-kafa, fa ireo fanjakana rehetra ireo dia hotorotoroiny sy holevoniny, fa izy kosa hitoetra mandrakizay. **45** Fa toy ilay nahitanao ny vato nendahana tamin' ny tendrombohitra, nefa tsy nendahan-tanana, sy ny nanorotoroany ny vy sy ny varahina sy ny tanimanga sy ny volafotsy ary ny volamena, dia ampahafantarin' Andriamanitra lehibe ny mpanjaka ny amin' ny zavatra ho avy rahatrizay: marina ny nofy, ary tsy maintsy ho tò ny heviny. **46** Dia niankohoka Nebokadnezara mpanjaka ka nivavaka tamin' i Daniela ary nampanatitra fanatitra sy hanitra ankasitrahana ho azy. **47** Ny mpanjaka namaly an' i Daniela ka nanao hoe: Marina tokoa fa Andriamanitrareo dia Andriamanitry ny andriamanitra sy Tompon' ny mpanjaka ary Mampiseho zava-miafina, ka dia nahay nampiseho izany zava-miafina izany ianao. **48** Ary tamin' izany ny mpanjaka dia nanandratra an' i Daniela ho lehibe, ka nanome azy zavatra maro sady lehibe ary nanendry azy ho mpanapaka any Babylona sy ny fehiny rehetra, sy ho lehiben' ny mpanapaka ny olon-kendrin' i Babylona rehetra. **49** Ary Daniela nangataka tamin' ny mpanjaka, ary izy nanendry an' i Sadraka sy Mesaka ary Abednego ho tonian' ny raharahan' i Babylona sy ny fehiny; ary Daniela dia teo am-bavahadin' ny mpanjaka.

3 Nebokadnezara mpanjaka nanao sariolona volamena, enim-polo hakiho ny hahavony, ary enina hakiho ny sakany; dia natsangany teo amin' ny tany lemaka Dora tamin' ny fehin' i Babylona izany. **2** Ary Nebokadnezara mpanjaka naniraka nampamory ny solom-panjaka sy ny mpanapaka sy ny governora sy ny andriambaventy sy ny mpitahiry ny volam-panjakana sy ny mpahay lalàna sy ny mpitsara ary ny komandy isan-tokony mba hanamasina ilay sariolona efa natsangan' i Nebokadnezara mpanjaka. **3** Dia nivory hanamasina ny sariolona izay efa natsangan' i Nebokadnezara mpanjakan' ny solom-panjaka sy ny mpanapaka sy ny governora sy ny andriambaventy sy ny mpitahiry ny volam-panjakana sy ny mpahay lalàna sy ny mpitsara ary ny komandy isan-tokony, ka dia nitsangana tandrifin' ny sariolona izay efa natsangan' i Nebokadnezara ireo. **4** Ary dia nisy mpikabary niantso mafy hoe: Izao no lazaina aminareo, ry fokom-pirenena, ry firenena sy samy hafa fiteny: **5** Rehefa mandre ny fanenon' ny anjomara sy ny sobaba sy ny lokanga sy ny samboka sy ny valiha sy ny symponia ary ny zava-maneno isan-karazany ianareo, dia miankohofa, ka mivavaha amin' ny sariolona volamena izay efa natsangan' i Nebokadnezara mpanjaka, **6** ary na iza na iza no tsy miankohoka sy tsy mivavaka dia hatsipy miaraka amin' izay ho ao anatin' ny lafaoro misy afo mirehitra. **7** Koa tamin' ny fotoana nandrenesan' ny fokom-pirenena rehetra ny fanenon' ny anjomara sy ny sobaba sy ny lokanga sy ny samboka sy ny valiha ary ny zava-maneno isan-karazany, dia niankohoka sy nivavaka tamin' ny sariolona volamena izay efa natsangan' i Nebokadnezara mpanjaka ny fokom-pirenena sy ny firenena ary ny samy hafa fiteny rehetra. **8** Ary tamin' izay dia nisy Kaldeana sasany nanatona ka niampanga ny Jiosy. **9** Dia niteny izy ka nanao tamin' i Nebokadnezara mpanjaka hoe: Ry mpanjaka ô, ho velona mandrakizay anie ianao. **10** Ry mpanjaka ô, ianao efa nanao lalàna fa ny olona rehetra izay mandre ny fanenon' ny anjomara sy ny sobaba sy ny lokanga sy ny samboka sy ny valiha sy ny symponia ary ny zava-maneno isan-karazany dia hiankohoka hivavaka amin' ny sariolona volamena; **11** fa izay tsy miankohoka sy tsy mivavaka kosa dia hatsipy ao anatin' ny lafaoro misy afo mirehitra. **12** Koa misy Jiosy izay nataonao ho tonian' ny raharaha amin' i Babylona sy ny fehiny, dia Sadraka sy Mesaka ary Abednego; ireo lehilahy ireo tsy mba manaiky ny teninao akory, ry mpanjaka ô: tsy mba manompo ny andriamanitrao izy, na mivavaka amin' ny sariolona volamena izay efa natsanganao. **13** Dia niteny tamin' ny fahavinirana sy ny fahatezerana Nebokadnezara, ka nasainy nalaina Sadraka sy Mesaka ary Abednego. Dia nentiny teo anatrehan' ny mpanjaka ireo lehilahy ireo. **14** Dia niteny Nebokadnezara ka nanao taminy hoe: Moa fanahy ninianareo va, ry Sadraka sy Mesaka sy Abednego, no tsy mba anompoanareo ny andriamanitro, na ivavahanareo amin' ny sariolona volamena izay natsangako? **15** Ankehitriny raha miomana ianareo amin' izay handrenesanareo ny fanenon' ny anjomara sy ny samboka sy ny valiha sy ny symponia sy ny Sobaba sy ny lokanga ary ny zava-maneno isan-karazany ka miankohoka sy mivavaka amin' ny sariolona izay nataoko, dia tsara izany; fa raha tsy mety mivavaka kosa ianareo, dia hatsipy miaraka amin' izay ho ao anatin' ny lafaoro misy afo mirehitra; ary iza moa izany Andriamanitra hahavonjy anareo amin' ny tanako izany? **16** Dia namaly Sadraka sy Mesaka ary Abednego ka nanao tamin' ny mpanjaka hoe: Ry Nebokadnezara, tsy misy antony tokony hamalianay anao akory ny amin' izany zavatra izany. **17** Indro, Andriamanitra Izay tompoinay dia mahavonjy anay amin' ny lafaoro misy afo mirehitra sady hamonjy anay amin' ny tananao, ry mpanjaka ô. **18** Ary na dia tsy izany aza, aoka ho fantatrao, ry mpanjaka ô, fa ny andriamanitrao dia tsy hotompoinay, ary ny sariolona volamena efa natsanganao dia tsy hivavahanay. **19** Dia feno fahatezerana Nebokadnezara, ka niova ny tarehiny tamin' i Sadraka sy Mesaka ary Abednego, dia nasainy nafanaina ho impito mihoatra noho ny famana azy ny lafaoro. **20** Ary izay lehilahy matanjaka indrindra tamin' ny miaramilany no nasainy namatotra an' i Sadraka sy Mesaka ary Abednego sy nanipy azy tao anatin' ny lafaoro misy afo mirehitra. **21** Dia nafatotra ireo lehilahy ireo, nefa mbola teny aminy ihany ny lobany sy ny akanjony ary ny kapitiny mbamin' ny fitafiany hafa koa, ka dia natsipy teo anatin' ny lafaoro misy afo mirehitra izy; **22** ary satria mafy ny tenin' ny mpanjaka, ka natao mahamay indrindra ny lafaoro, dia matin' ny lelafo ireny lehilahy izay nanipy an' i Sadraka sy Mesaka sy Abednego. **23** Ary izy telo lahy ireo, Sadraka sy Mesaka sy Abednego, dia voatsipy am-patorana teo anatin' ny lafaoro misy afo mirehitra. **24** Dia talanjona Nebokadnezara mpanjaka ary nitsangana faingana izy ka niteny tamin' ny mpanolo-tsainy hoe: Moa tsy telo lahy mifatotra va no natsipintsika tao anatin' ny afo? Dia namaly ny mpanjaka ireo ka nanao hoe: Marina izany, ry mpanjaka ô. **25** Ary hoy izy: Ka no indro aho mahita efa-dahy tsy mifatotra, mandehandeha eo anaty afo, nefa tsy maninona tsy maninona akory izy; ary ny fijery ilay fahefatra dia toa zanak' ireo andriamanitra. **26** Dia nanatona ny varavaran' ny lafaoro misy afo mirehitra Nebokadnezara ka niantso hoe: Ry Sadraka sy Mesaka sy Abednego, mpanompon' Andriamanitra Avo Indrindra, mivoaha, ka avia atỳ. Dia nivoaka avy teo anatin' ny afo Sadraka sy Mesaka ary Abednego. **27** Dia nifanatona ny solo-mpanjaka sy ny mpanapaka sy ny governora ary ny mpanolotsain' ny mpanjaka ka nahita ireo lehilahy ireo, fa tsy nanan-kery hampaninona ny tenany akory ny afo, na nisy singam-bolo nikainkona tamin' ny lohany, na niova ny lobany, ary tsy nisy fofon' afo akory taminy. **28** Nebokadnezara niteny ka nanao hoe: Isaorana anie Andriamanitr' i Sadraka sy Mesaka sy Abednego, Izay naniraka ny anjeliny hamonjy ny mpanompony izay natoky Azy ka nandika ny tenin' ny mpanjaka ary nanolotra ny tenany tsy hanompo na hivavaka amin' izay andriamani-kafa, afa-tsy Andriamaniny ihany. **29** Ka dia manao lalàna aho fa ny fokom-pirenena sy ny firenena sy ny samy hafa fiteny rehetra izay manao teny tsy mety ny amin' Andriamanitr' i Sadraka sy Mesaka sy Abednego dia hotetitetehina, ary hatao trano fivoahana ny tranony; fa tsy misy andriamani-kafa mahavonjy tahaka izao.

30 Ary Sadraka sy Mesaka sy Abednego dia nasandratry ny mpanjaka tamin' i Babylona sy ny fehiny.

4 Nebokadnezara mpanjaka nampitondra teny ho any amin' ny fokom-pirenena sy ny firenena ary ny samy hafa fiteny rehetra, izay monina amin' ny tany rehetra, nanao hoe: Hitombo anie ny fiadananareo. **2** Sitrako ny hanambara ny famantarana sy ny fahagagana izay nataon' Andriamanitra Avo Indrindra tamiko. **3** Akory ny halehiben' ny famantarany! Ny fanjakany dia fanjakana mandrakizay, ary ny fanapahany dia hahatratra ny taranaka fara mandimby. **4** Izaho Nebokadnezara niadana tao antranoko ary faly finaritra tao an-dapako. **5** Nanonofy zavatra nahatahotra aho ka nieritreritra teo am-pandriako, ary ny fahitan' ny lohako dia naharaiki-tahotra ahy. **6** Ka dia nandidy aho mba ho entina eo anatrehako ny olon-kendrin' i Babylona rehetra hilaza amiko ny hevitry ny nofy. **7** Dia niditra ny ombiasy sy ny mpisikidy sy ny Kaldeana ary ny mpanandro; ary nambarako teo anatrehany ny nofy, kanjo tsy nahalaza ny heviny tamiko ireny. **8** Fa nony farany dia niditra teo anatrehako kosa Daniela, izay atao hoe Beltesazara, araka ny anaran' andriamanitro, sady misy fanahin' ireo andriamanitra masìna ao anatiny; ary ny nofy dia nambarako teo anatrehany hoe: **9** Ry Beltesazara, lehiben' ny ombiasy, fantatro fa misy fanahin' ireo andriamanitra masìna ao anatinao, ary tsy misy zavamiafina manahirana anao, koa ambarao ahy ny fahitana izay hitako tamin' ny nofy mbamin' ny heviny. **10** Fa izao no fahitan' ny lohako teo am-pandriako: Nijery aho, ka, indro, nisy hazo teo afovoan' ny tany, ary fatratra ny hahavony. **11** Nihalehibe sy nihahery io hazo io, ary ny hahavony nipaka tamin' ny lanitra, ary ny fijery azy dia hatrany amin' ny faran' ny tany rehetra. **12** Tsara tarehy ny raviny, ary betsaka ny voany, sady teo aminy no nisy hanina ho an' ny rehetra; teny ambaniny no nialokalofan' ny bibidia, ary teny amin' ny sampany no nitoeran' ny voro-manidina, ary ny nofo rehetra nahazo hanina avy aminy. **13** Nijery tamin' ny fahitan' ny lohako teo am-pandriako aho, ka, indro, nisy mpiambina masìna anankiray nidina avy tany an-danitra. **14** Niantso mafy izy ka nanao hoe: Kapao io hazo io, dia rantsano; ahintsano ny raviny, ary aelezo ny voany; aoka ny biby hipariaka avy eo ambaniny, ary ny vorona hiboridana avy eny amin' ny rantsany. **15** Nefa avelao amin' ny tany ao amin' ny ahitra maitso any an-tsaha ihany ny fotony, ka asio fehy vy sy varahina; ary aoka ho kotsan' ny andon' ny lanitra izy, ary aoka ny anjarany ho amin' ny biby any amin' ny ahitra amin' ny tany; **16** aoka hovana ny fony tsy ho fon' olombelona, ary aoka ho fom-biby no ho ao aminy; ary aoka ho fetr' andro fito no holanina aminy. **17** Didin' ny mpiambina izany zavatra izany; eny, avy amin' ny tendrin' ireo masìna izany zavatra izany, hahafantaran' ny velona fa ny Avo Indrindra no manapaka amin' ny fanjakan' ny olona ka manome izany ho an' izay tiany, ary olona ambany toetra no ampanapahiny azy. **18** Izany no nofy izay hitako, izaho Nebokadnezara. Ary ianao kosa, ry Beltesazara, milazà ny heviny, fa ny olon-kendry rehetra amin' ny fanjakako tsy nisy nahay nampahafantatra ahy ny hevitr' izany; fa ianao no mahay azy, satria misy fanahin' ireo andriamanitra masìna no anatinao. **19** Dia gaga vetivety Daniela, izay atao hoe Beltesazara, ary ny eritreriny naharaiki-tahotra azy. Ary niteny ny mpanjaka nanao hoe: Ry Beltesazara ô, aoka tsy haharaiki-tahotra anao ny nofy na ny heviny. Beltesazara namaly ka nanao hoe: Tompokolahy ô, ny nofy anie ho an' izay mankahala anao, ary ny heviny ho an' izay fahavalonao. **20** Io hazo hitanao io, dia ilay nihalehibe sy nihahery, ka ny hahavony nipaka tamin' ny lanitra, ary ny fijery azy hatramin' ny tany rehetra, **21** ny raviny dia tsara tarehy, sady betsaka ny voany, ary teo aminy nisy hanina ho an' ny rehetra, teny ambaniny no nitoeran' ny bibi-dia, ary teny amin' ny rantsany no nitoeran' ny voro-manidina, **22** ianao indrindra izany, ry mpanjaka ô; ianao dia nihalehibe sy nihahery; fa ny halehibiazanao efa nitombo ka mipaka amin' ny lanitra, ary ny fanapahanao hatramin' ny faran' ny tany. **23** Ary ny nahitan' ny mpanjaka ny mpiambina masìna anankiray nidina avy tany an-danitra nanao hoe: Kapao io hazo io, ary simbao; nefa avelao amin' ny tany ao amin' ny ahitra maitso any an-tsaha ihany ny fotony, fa asio fehy vy sy varahina, ary aoka ho kotsan' ny andon' ny lanitra izy, ary aoka ny anjarany ho ao amin' ny bibi-dia, ambara-pahalanin' ny fetr' andro fito aminy, **24** izao no heviny, ry mpanjaka, ary izao no tendrin' ny Avo Indrindra, izay mihatra amin' itompokolahy mpanjaka: **25** Horoahina hiala amin' ny olona ianao, ary ny fonenanao ho any amin' ny bibi-dia ary hampihinanina ahitra toy ny omby ianao ary ho kotsan' ny andon' ny lanitra, ary fetr' andro fito no holanina aminao, ambara-pahafantatrao fa ny Avo Indrindra no manapaka amin' ny fanjakan' ny olona ka manome izany ho an' izay tiany. **26** Ary ny nasainy namelana ny fotony: ny fanjakanao mbola hampodina ho anao tokoa, rehefa fantatrao fa ny lanitra no manapaka. **27** Koa aoka hankasitrahanao ny anatro, ry mpanjaka, ka dia ny fahamarinana no ento mampitsahatra ny fahotanao, ary ny fiantrana ny mahantra no ento mampitsahatra ny helokao, fandrao mba hampaharetina ahay ny fiadananao. **28** Izany rehetra izany no nanjo an' i Nebokadnezara mpanjaka. **29** Ary nony afaka roa ambin' ny folo volana, dia nitsangantsangana teo an-tampon' ny tranony tao Babylona izy. **30** Ary ny mpanjaka niteny ka nanao hoe: Tsy ity va no Babylona lehibe, izay nataoko ho lapan' ny fanjakana tamin' ny haben' ny heriko mba ho voninahitry ny fahalehibiazako? **31** Raha mbola teo am-bavan' ny mpanjaka ihany ny teny, dia nisy feo latsaka avy tany an-danitra nanao hoe: Ry Nebokadnezara mpanjaka, ianao indrindra no anaovana hoe: Ny fanjakana niala taminao. **32** Fa horoahina hiala amin' ny olona ianao, ka ho any amin' ny bibi-dia ny fonenanao; hampihinanina ahitra toy ny omby ianao, ary fetr' andro fito no holanina aminao ambara-pahafantatrao fa ny Avo Indrindra no manapaka amin' ny fanjakan' ny olona ka manome izany ho an' izay tiany. **33** Tamin' izay indrindra no nahatanterahan' izany tamin' i Nebokadnezara; fa noroahina niala tamin' ny olona izy ka nihinana ahitra toy ny omby, ary ny tenany dia kotsan' ny andon' ny lanitra ambara-panirin' ny volony ho toy ny an' ny voromahery, ary ny hohony ho toy ny an' ny vorona. **34** Ary rehefa tapitra ny

andro, izaho Nebokadnezara nanandrandra ny masoko tamin' ny lanitra, ary nody tamiko indray ny saiko, ka dia nisaotra ny Avo Indrindra aho ary nidera sy nankalaza Izay velona mandrakizay, ny fanapahany dia fanapahana mandrakizay, ary ny fanjakany hahatratra ny taranaka fara mandimby; **35** ary ny mponina rehetra etỳ an-tany hatao tsinontsinona; ary manao izay sitrapony amin' ireo maro be any an-danitra sy amin' ny mponina etỳ an-tany Izy; ary tsy misy mahasakana Azy, na manao aminy hoe: Inona no ataonao? **36** Tamin' izay dia nody tamiko ny saiko, ary nody tamiko koa ny fahalehibiazako sy ny voninahitro ho tabihan' ny fanjakako, ary ny mpanolotsaiko sy ny andriandahiko nikatsaka ahy, ka nampitoerina teo amin' ny fanjakako aho, sady nanampy ho ahy ny fahalehibiazana malaza. **37** Koa amin' izany, izaho Nebokadnezara midera sy manandratra ary mankalaza ny Mpanjakan' ny lanitra; marina avokoa ny asany rehetra, ary araka ny rariny ny lalany; ary izay mandeha amin' ny fiavonavonana dia hainy aetry.

5 Belsazara mpanjaka nanao fanasana lehibe ho an' ny mpanolo-tsainy arivo lahy, ary teo anatrehan' ireny no nisotroany divay. **2** Nony efa nisotro divay Belsazara, dia nasainy nalaina ny fanaka volamena sy volafotsy izay nalain' i Nebokadnezara rainy avy tao amin' ny tempoly tany Jerosalema, mba hisotroan' ny mpanjaka sy ny mpanolotsainy sy ny vadiny mbamin' ny vaditsindranony. **3** Dia nentiny ny fanaka volamena izay nalaina avy teo amin' ny tempolin' ny tranon' Andriamanitra tany Jerosalema, ary ny mpanjaka sy ny mpanolo-tsainy sy ny vadiny mbamin' ny vaditsindranony nisotro taminy. **4** Eny, nisotro divay izy sady nankalaza ny andriamanitra volamena sy volafotsy sy varahina sy vy sy hazo ary vato. **5** Tamin' izay dia nisy rantsan-tànan' olona niseho ka nanoratra tandrifin' ny jiro tamin' ny lalotra sokay teo amin' ny rindrin' ny lapan' ny mpanjaka; ary ny mpanjaka nahita ilay rantsan-tanana nanoratra. **6** Dia nivaloarika ny tarehin' ny mpanjaka, ary naharaiki-tahotra azy ny eritreriny, ka dia nivahavaha ny valahany, sady niady ny lohaliny. **7** Dia niantso mafy ny mpanjaka hampiditra ny mpisikidy sy ny Kaldeana ary ny mpanandro. Ary ny mpanjaka niteny ka nanao tamin' ny olon-kendrin' i Babylona hoe: Na zovy na zovy no mahavaky io soratra io sady milaza ny heviny amiko dia hampiakanjoina volomparasy, sy hasiana rojo volamena ny vozony, ary ho isan' ny mpanapaka telo lahy amin' ny fanjakana izy. **8** Dia niditra avokoa ny olon-kendrin' ny mpanjaka, nefa tsy nisy nahavaky ny soratra na nampahalala ny mpanjaka ny heviny. **9** Dia natahotra indrindra Belsazara mpanjaka, ka nivaloarika ny tarehiny, ary vaka terỳ ny mpanolo-tsainy. **10** Ary ny renin' ny mpanjaka niditra tao amin' ny trano fanasana noho ny tenin' ny mpanjaka sy ny mpanolo-tsainy; dia niteny ny renin' ny mpanjaka ka nanao hoe: Ry mpanjaka ô, ho velona mandrakizay anie ianao, aoka tsy haharaiki-tahotra anao ny eritreritrao, na hivaloarika ny tarehinao. **11** Misy lehilahy ato amin' ny fanjakanao izay manana fanahin' ireo andriamanitra masìna ao anatiny; ary fony fahavelon-drainao dia hita fa nisy fahazavan-tsaina sy fahalalana ary fahendrena tao aminy tahaka ny fahendren' ireo andriamanitra; ka nataon' i Nebokadnezara mpanjaka rainao, dia ny mpanjaka rainao, hoy izaho, ho lehiben' ny ombiasy sy ny mpisikidy sy ny Kaldeana ary ny mpanandro izy; **12** fa fanahy hendry sy fahalalana sy saina ary fahaiza-milaza nofy sy fanambarana teny sarotra sy fampisehoana hevitra miafina no hita tao amin' izany Daniela izany, izay nomen' ny mpanjaka anarana hoe Beltesazara, koa aoka hantsoina Daniela, fa holazainy ny hevitry ny teny. **13** Dia nampidirina teo anatrehan' ny mpanjaka Daniela. Ary ny mpanjaka niteny ka nanao tamin' i Daniela hoe: Hianao mantsy no Daniela, ilay isan' ny babo avy amin' ny taranak' i Joda, izay nentin' ny mpanjaka raiko avy tany Joda. **14** Efa reko ny aminao, fa ianao manana fanahin' ireo andriamanitra sady misy fahazavan-tsaina sy fahalalana ary fahendrena tsara hita ao aminao. **15** Ary vao teo dia efa nampidirina teto anatrehako ny olon-kendry sy ny mpisikidy hamaky io soratra io sy hampahafantatra ahy ny heviny; fa tsy nahalaza ny hevitry ny teny izy; **16** ary efa reko ny aminao, fa ianao no mahalaza hevitra sy mahay mampiseho hevitra miafina; koa raha mahavaky ny soratra sy mampahafantatra ahy ny heviny ianao, dia hampiakanjoina volomparasy, sy hasiana rofo volamena ny vozonao, ary ho isan' ny mpanapaka telo lahy amin' ny fanjakana ianao. **17** Dia namaly Daniela ka nanao teo anatrehan' ny mpanjaka hoe: Aoka ihany ho anao ny fanomezanao, ary ny valim-pitianao omeo ny hafa; nefa hovakiko amin' ny mpanjaka ihany ny soratra, ary hampahafantariko azy ny heviny. **18** Ny aminao, ry mpanjaka ô, Andriamanitra Avo Indrindra efa nanome fanjakana sy fahalehibiazana sy voninahitra ary laza an' i Nebokadnezara rainao; **19** ary noho ny fahalehibiazana izay nomeny azy, ny fokom-pirenena sy ny firenena ary ny samy hafa fiteny rehetra dia nangovitra sy natahotra teo anatrehany; izay tiany hovonoina dia novonoiny; ary izay tiany hovelomina dia novelominy; ary izay tiany hasandratra dia nasandrany; ary izay tiany haetry dia naetriny. **20** Fa nony niavonavona kosa ny fony, ary nikikitra tamin' ny fireharehana ny fanahiny, dia naetry niala tamin' ny seza fiandrianan' ny fanjakany izy, ary ny voninahiny nesorina taminy; **21** dia noroahina niala tamin' ny zanak' olombelona izy; ary ny fony natao tahaka ny an' ny biby, ary ny fonenany tany amin' ny boriki-dia, dia nampihinanina ahitra toy ny omby izy, ary kotsan' ny andon' ny lanitra ny tenany, ambara-pahafantany fa Andriamanitra Avo Indrindra no manapaka amin' ny fanjakan' ny olona, ary izay tiany no tendreny ho mpanjakany. **22** Ary ianao, ry Belsazara zanany, dia tsy mba nampietry ny fonao, na dia fantatrao aza izany rehetra izany; **23** fa niavonavona tamin' ny Tompon' ny lanitra ianao; ary ny fanaky ny tranon' Andriamanitra dia nentina eto anatrehanao, ary ianao sy ny mpanolo-tsainao sy ny vadinao mbamin' ny vaditsindranonao nisotro divay taminy; ary ianao nankalaza ny andriamanitra volafotsy sy volamena sy varahina sy vy sy hazo ary vato, izay tsy mahita, na mandre, na mahalala; fa Andriamanitra Izay mitana ny ainao sady Tompon' ny alehanao rehetra dia tsy mba nankalazainao. **24** Ary noho izany dia Izy no nihavian' ilay rantsan-tanana, ka voasoratra ireo teny ireo.

25 Ary ny teny voasoratra dia izao: Mene, Mene, Tekela, Oparesina. **26** Izao no hevitry ny teny: Mene, voaisan' Andriamanitra ny nanjakanao ka taperiny amin' izao; **27** Tekela, efa voalanja tamin' ny mizana ianao ka, indro, latsadanja; **28** Paresa, zarazaraina ny fanjakanao ka omena ho an' ny Mediana sy ny Persiana. **29** Ary Belsazara dia nanome teny, ka dia nampiakanjoina volomparasy Daniela, sady nasiana rojo volamena ny vozony, ary nisy niantso azy ho isan' ny mpanapaka telo lahy amin' ny fanjakana. **30** Ary tamin' io alina io ihany dia novonoina Belsazara, mpanjakan' ny Kaldeana. **31** Ary Dariosa Mediana no nandray ny fanjakana, rehefa tokony ho roa amby enimpolo taona no andro niainany.

6 Sitrak' i Dariosa ny hanendry solo-mpanjaka roa-polo amby zato hanapaka ny fanjakana, izay hanapaka ny fanjakana rehetra. **2** Koa tamin' ireo dia nisy komandy lehibe telo lahy, ary Daniela no anankiray tamin' ireo, mba hilazan' ny solo-mpanjaka ny raharaha tsy hahafatiantoka ny mpanjaka. **3** Izany Daniela izany dia nihoatra noho ny komandy lehibe sy ny solo-mpanjaka namany, fa nanampanahy hendry izy; ary ny mpanjaka nikasa hanandratra azy ho lehibe amin' ny fanjakana rehetra. **4** Koa ny komandy lehibe sy ny solo-mpanjaka dia nitady izay hiampangany an' i Daniela ny amin' ny fanjakana, nefa tsy nahita izay hiampangany azy na izay tsininy akory ireo, satria marina izy, ka tsy nisy kilema na tsiny hita taminy. **5** Dia hoy ireo lehilahy ireo: Tsy ho hitantsika izay hiampangantsika io Daniela io raha tsy ny amin' ny lalan' Andriamaniny no misy hitantsika hiampangana azy. **6** Dia somaritaka nivory ho any amin' ny mpanjaka ireo komandy lehibe sy solo-mpanjaka ireo; ary izao no nataony taminy: Ry Dariosa mpanjaka ô, ho velona mandrakizay anie ianao. **7** Ny komandy lehibe rehetra amin' ny fanjakana sy ny mpanapaka sy ny solo-mpanjaka sy ny mpanolo-tsaina ary ny governora dia mifanara-kevitra fa tokony hanao lalàna sy didy mafy ianao, ry mpanjaka, ka na zovy na zovy no hanao fangatahana ato anatin' ny telo-polo andro, na amin' Andriamanitra na amin' olona, afa-tsy aminao ihany, ry mpanjaka ô, dia hatsipy ao an-davaky ny liona izy. **8** Ankehitriny, ry mpanjaka ô, ataovy mafy ny lalàna, ka asio sonia mba tsy hiova, araka ny lalàn' ny Mediana sy ny Persiana izay tsy azo ovana. **9** Ary noho izany dia nasian' i Dariosa mpanjaka sonia izany lalàna sy didy izany. **10** Nony fantatr' i Daniela fa efa voaisy sonia ny didy, dia nankao an-tranony izy; ary ny varavarankelin' ny tranony ambony nanandrify an' i Jerosalema dia nivoha. Koa intelo isan' andro no nandohalika ka nivavaka sy nisaotra teo anatrehan' Andriamaniny izy, satria fanaony hatramin' ny taloha izany. **11** Dia somaritaka nivory ireo lehilahy ireo ka nahita an' i Daniela mangataka sy mifona eo anatrehan' Andriamaniny. **12** Dia nanatona izy ka niteny teo anatrehan' ny mpanjaka noho ny amin' ilay lalàn' ny mpanjaka ka nanao hoe: Moa tsy misy lalàna nasianao sonia fa na zovy na zovy no hanao fangatahana, na amin' Andriamanitra na amin' olona, ato anatin' ny telo-polo andro afa-tsy aminao ihany, ry mpanjaka ô, dia hatsipy ao an-davaky ny liona? Ny mpanjaka namaly ka nanao hoe: Marina izany, dia araka ny lalàn' ny Mediana sy ny Persiana izay tsy azo ovana. **13** Dia niteny ireo ka nanao teo anatrehan' ny mpanjaka hoe: Ilay Daniela, isan' ny babo avy amin' ny taranak' i Joda, dia tsy manaiky anao, na ny lalàna izay nasianao sonia, ry mpanjaka ô, fa manao fangatahana intelo isan' andro izy. **14** Dia tezitra indrindra ny mpanjaka, raha nahare izany teny izany, nefa matiny ihany izy ny hanafaka an' i Daniela, ka nanao izay tratry ny heviny hamonjy azy mandra-pilentiky ny masoandro. **15** Dia somaritaka nivory ho any amin' ny mpanjaka ireo lehilahy ireo ka nanao tamin' ny mpanjaka hoe: Aoka ho fantatrao, ry mpanjaka, fa izao no lalàn' ny Mediana sy ny Persiana: Ny lalàna sy ny didy izay efa navoaky ny mpanjaka dia tsy azo ovana. **16** Dia nandidy ny mpanjaka; ary nentina Daniela ka natsipy tao an-davaky ny liona. Dia niteny ny mpanjaka ka nanao tamin' i Daniela hoe: Andriamanitrao Izay tompoinao mandrakariva anie hamonjy anao. **17** Ary nisy vato natampina ny vava-lavaka; ary ny mpanjaka nanomboka izany tamin' ny fanombohan-kaseny sy tamin' ny fanombohan-kasen' ny andriandahiny, mba tsy hovana ny teny ny amin' i Daniela. **18** Dia nody tany an-dapany ny mpanjaka ary tsy nitendry hanina mandritra ny alina, sady tsy nisy zava-maneno nampidirina teo anatrehany, ary tsy nahita torimaso izy. **19** Dia nifoha maraina koa ny mpanjaka ka nandeha faingana ho any amin' ny lavaky ny liona. **20** Ary nony tonga teo amin' ny lavaka izy, dia niantso an' i Daniela tamin' ny feo malahelo; eny, niteny ny mpanjaka ka nanao tamin' i Daniela hoe: Ry Daniela, mpanompon' Andriamanitra velona ô, moa Andriamanitrao Izay tompoinao mandrakariva mahavonjy anao amin' ny liona va? **21** Namaly ny mpanjaka Daniela hoe: Ry mpanjaka, ho velona mandrakizay anie ianao. **22** Andriamanitro efa naniraka ny anjeliny ka nanakombona ny vavan' ny liona tsy handratra ahy, satria fahamarinana no hitany tamiko; ary teo anatrehanao koa, ry mpanjaka ô, tsy nanao ratsy aho. **23** Dia faly indrindra ny mpanjaka, ka nasainy nakarina avy ao an-davaka Daniela. Dia nakarina avy tao an-davaka Daniela, ary tsy hita nisy naratra izy, satria nino an' Andriamaniny. **24** Ary ny mpanjaka nandidy, ka nentina ireo lehilahy niampanga an' i Daniela ireo, dia natsipy tao an-davaky ny liona izy mbamin' ny vadiny amanjanany, ary ny liona nanan-kery taminy ka nanapatapaka ny taolany, raha tsy mbola nipaka tamin' ny vodin' ny lavaka akory aza izy. **25** Tamin' izany Dariosa mpanjaka dia nanoratra ho amin' ny fokom-pirenena sy ny firenena sy ny samy hafa fiteny rehetra izay monina ambonin' ny tany rehetra hoe: Hitombo anie ny fiadanananareo. **26** Manao lalàna aho mba hangovitan' ny olona sy hatahorany eo anatrehan' Andriamanitr' i Daniela eran' ny fanjakako rehetra; fa Izy no Andriamanitra velona sady maharitra mandrakizay; ny fanjakany haharitra hatramin' ny farany. **27** Izy no mamonjy sy manafaka ary manao famantarana sy fahagagana any an-danitra sy etỳ an-tany, ary Izy no namonjy an' i Daniela ho afaka tamin' ny herin' ny liona. **28** Ary izany Daniela izany dia nambinina tamin' ny nanjakan' i Dariosa sy tamin' ny nanjakan' i Kyrosy Persiana.

7 Fahitana niseho tamin' i Daniela ny amin' ny fanjakana efatra lehibe, sy ny hitsaran' Andriamanitra ireo. Tamin' ny taona voalohany nanjakan' i Belsazara, mpanjakan' i Babylona, dia nanonofy Daniela sady nahita fahitana tao am-pandriany, ary nosoratany ny nofy, ka nambarany ny fotopototry ny teny. **2** Dia niteny Daniela ka nanao hoe: Nahita tamin' ny fahitako tamin' ny alina aho, fa, indreo, ny rivotra efatry ny lanitra nibosesika teny amin' ny ranomasina lehibe. **3** Ary nisy biby efatra lehibe samy hafa niakatra avy tamin' ny ranomasina. **4** Ny voalohany dia toy ny liona ary nanana elatry ny voromahery; nijery aho ambara-panongotra ny elany, ary natsangana avy tamin' ny tany izy ka najoro tamin' ny tongony roa toy ny fijoron' ny olona, sady natao manana fon' olombelona izy. **5** Ary indro koa ny faharoa, biby hafa tahaka ny bera, izay nampisondrotra ny ila-tenany, sady nisy taolan-tehezana telo teo am-bavany anelanelan' ny nifiny; ary toy izao no voalaza taminy: Mitsangàna, homàna nofo be. **6** Ary nony afaka izany, dia nahita aho fa, indro, nisy hafa koa toy ny leoparda, izay nanana ela-borona efatra teo an-damosiny, ary io biby io nanana loha efatra, ary nomena fanapahana izy. **7** Nony afaka izany, dia nahita tamin' ny fahitana tamin' ny alina aho, ary, indro ny fahefatra, biby mahatsiravina sady matanjaka sy mahery indrindra, ary nanana nify vy lehibe izy; nihinana sy nanotahota izy, ary ny sisa tsy laniny dia nohosihosen' ny tongony; ary hafa noho ny biby rehetra teo alohany izy sady nanana tandroka folo. **8** Nodinihiko ny tandroka, ka, indro, nisy tandroka iray kely koa nipoitra teo aminy, ary novohana teo anoloan' io ny tandroka telo tamin' ireo taloha; ary, indro, nanana maso toy ny mason' olona sy vava miteny zavatra mihoa-pampana izy. **9** Mbola nijery ihany aho mandra-pametraka ny seza fiandrianana, ary ny Fahagola no nipetraka teo, ny fitafiany dia fotsy toy ny fanala, ary ny volon-dohany toy ny volon' ondry madio; ny seza fiandrianany dia lelafo, ary ny kodiany dia afo mirehitra. **10** Ony afo no nivoaka sy nandeha avy teo anatrehany; arivoarivo no nanompo Azy, ary alinalina no nitsangana teo anatrehany; nipetraka ny Mpitsara, ary novelarina ny boky. **11** Dia mbola nijery ihany aho noho ny feon' ny teny mihoapampana notenenin' ilay tandroka; eny, nijery aho ambara-pamono ny biby, ka nolevonina ny tenany, ary natao teo amin' ny afo mirehitra izy. **12** Ary ny amin' ny biby, sasany, dia nesorina taminy ny fanapahany; nefa nohalavaina ihany ny andro hiainany mandra-pahalanin' ny andro sy ny fotoana. **13** Ary mbola nahita tamin' ny fahitana tamin' ny alina ihany aho, ary, indro, nisy toy ny zanak' olona avy tamin' ny rahon' ny lanitra, ary nankeo amin' ny Fahagola Izy, dia nampanakekeny teo anatrehany. **14** Ary nomena fanapahana sy voninahitra ary fanjakana Izy, mba hanompoan' ny fokom-pirenena sy ny firenena ary ny samy hafa fiteny rehetra Azy; ny fanapahany dia fanapahana mandrakizay ka tsy ho tapaka, ary ny fanjakany tsy ho rava. **15** Izaho Daniela nalahelo tam-panahy, ary ny fahitan' ny lohako naharaiki-tahotra ahy. **16** Dia nanakaiky ilay anankiray tamin' izay nitsangana teo aho ka nanontany azy ny fototr' izany rehetra izany. Dia nambarany tamiko, ka nampahafantariny ahy ny hevitry ny zavatra. **17** Ireo biby lehibe efatra ireo dia mpanjaka efatra izay hitsangana avy amin' ny tany. **18** Nefa ny olo-masin' ny Avo Indrindra no hahazo ny fanjakana ary hanana ny fanjakana mandrakizay alaovalo. **19** Dia naniry hahalala izay fototra marina ny amin' ny fahefatra aho, dia ilay biby hafa noho izy rehetra sady mahatsiravina indrindra izay nanana nify vy sy hoho varahina sady nihinana sy nanotahota, ary ny sisa tsy laniny dia nohosihosen' ny tongony; **20** ary ny amin' ny tandroka folo teo an-dohany sy ny anankiray koa izay nipoitra, ka nisy telo potraka teo anoloany, dia ilay tandroka nanana maso sy vava izay niteny zavatra mihoapampana, ary ny fijery azy dia lehibe noho ny namany. **21** Mbola nijery ihany aho, ary izany tandroka izany nanoto ny olo-masìna ka naharesy azy, **22** ambara-pihavin' ny Fahagola, ka nomena rariny ny olo-masin' ny Avo Indrindra; ary tonga ny fotoana nahazoan' ny olo-masìna ny fanjakana. **23** Izao no nolazainy: Ilay fahefatra amin' ny biby dia fanjakana fahefatra etỳ ambonin' ny tany, izay ho hafa noho ny fanjakana rehetra sady handrava ny tany rehetra ary hanosihosy sy hanorotoro azy. **24** Ary ny tandroka folo dia mpanjaka folo izay hitsangana avy amin' izany fanjakana izany; ary hisy iray koa hitsangana manaraka azy; hafa noho ny voalohany izy ary handresy mpanjaka telo. **25** Ary hiteny hanohitra ny Avo Indrindra izy sy hampahory ny olo-masin' ny Avo Indrindra ary hitady hanova fotoana sy lalàna; ary hatolotra eny an-tànany ireo ambara-pahatapitry ny fetr' andro iray sy ny fetr' andro roa ary ny antsasaky ny fetr' andro. **26** Fa hipetraka ny Mpitsara, ary hesorina ny fanapahany, ka horavana sy hosimbana hatramin' ny farany izy. **27** Ary ny fanjakana sy ny fanapahana ary ny fahalehibiazan' ny fanjakana eny ambanin' ny lanitra rehetra dia homena ny olo-masin' ny Avo Indrindra; ny fanjakany dia fanjakana mandrakizay, ary ny fanapahana rehetra dia hanompo sy hanoa Azy. **28** Hatramin' izao no faran' izany zavatra izany. Ny amiko, izaho Daniela, dia naharaiki-tahotra ahy indrindra ny eritreritro, ka nivaloarika ny tarehiko, nefa notehiriziko tao am-poko ihany izany zavatra izany.

8 Tamin' ny taona fahatelo nanjakan' i Belsazara mpanjaka dia nisy fahitana niseho tamiko, izaho Daniela, taorian' ilay niseho tamiko tamin' ny voalohany. **2** Ary nahita tamin' ny fahitana aho, ka raha mbola nijery aho, dia, indro, tao Sosana tao amin' ny lapan' ny mpanjaka izay ao amin' ny tany Elama aho; ary nahita tamin' ny fahitana aho, ka teo amoron' ny ony Olay aho. **3** Dia natopiko ny masoko, ka hitako, fa, indro, nisy ondrilahy iray nitsangana teo amoron' ny ony, izay nanana tandroka roa; lava ireo tandroka ireo, ary ny anankiray lava noho ny anankiray, nefa ilay lavalava kokoa no niposaka taoriana. **4** Hitako ny ondrilahy manoto miankandrefana sy mianavaratra ary mianatsimo; ary tsy nisy biby nahajanona teo anoloany, ary tsy nisy naharombaka izay mby teny an-tanany; fa nanao araka izay sitrapony izy ka tonga lehibe. **5** Ary raha mbola nandinika aho, dia, indro, nisy osilahy nivoaka avy tany andrefana ka nitety ny tany rehetra, nefa tsy nikasika ny tany; ary ilay osilahy dia nanana tandroka lehibe teo anelanelan'

ny masony. **6** Ary izy nankeo amin' ilay ondrilahy nanana tandroka roa, dia ilay efa hitako nitsangana eo amoron' ny ony, ka nanazakazaka azy tamin' ny fahatezeran' ny heriny. **7** Ary hitako nanatona ho eo anilan' ny ondrilahy izy, dia nisafoaka taminy ka namely ny ondrilahy ary nanapaka ny tandrony roa, ka tsy nahajanona teo anoloany intsony ilay ondrilahy, fa nazerany teo amin' ny tany ka nohitsakitsahiny; ary tsy nisy nahavonjy ilay ondrilahy teny an-tànany. **8** Ary dia nihahery indrindra ilay osilahy; nefa nony nahery izy, dia tapaka ilay tandrony lehibe; ary nisy efatra lehibe nipoitra nisolo iny nifanandrify tamin' ny rivotra efatry ny lanitra. **9** Ary nisy tandroka kely nipoitra avy tamin' ny anankiray amin' ireny ka nihalehibe indrindra nianatsimo sy niantsinanana ary nankany amin' ny tany mahafinaritra. **10** Ary nihalehibe izy ka nihatra tamin' ireo maro be eny amin' ny lanitra; ary nisy nazerany ho amin' ny tany ireo maro be sy ny kintana ka nohitsakitsahiny. **11** Eny, nihalehibe izy ka dia niady tamin' ny Komandin' ireo maro be, ary nesorina taminy ny fanatitra isan' andro, ary ny fitoerana masìna noravana. **12** Ary nisy maro be mbamin' ny fanatitra isan' andro natolotra azy noho ny fahadisoana, dia nazerany ho amin' ny tany ny fahamarinana; ary niasa izy sady nambinina. **13** Dia nandre ny masìna anankiray niteny aho, ary nisy masìna iray koa nanao tamin' ilay niteny hoe: Mandra-pahoviana ny fahitana mandrakariva sy ny fahotana mahatonga fandravana mba hanolorana ny fitoerana masìna sy ireo maro be ho fanitsaka? **14** Ary hoy izy tamiko: Taon-jato sy roa arivo andro; ary nony afaka izany, dia amin' izay vao hodiovina ny fitoerana masìna. **15** Ary nony nahita ny fahitana izaho Daniela ka nitady hahafantatra izany, dia, indro, nisy nanana tarehy tahaka ny olona nitsangana teo anatrehako. **16** Ary nandre feon' olona tao afovoan' i Olay aho, izay niantso ka nanao hoe: Ry Gabriela, ampahalalao ny fahitana ity lehilahy ity. **17** Ary dia nankeo amin' ilay nitsanganako izy; ary nony tonga izy, dia raiki-tahotra aho ka nikarapoka nihohoka; nefa hoy izy tamiko: Aoka ho fantatrao, ry zanak' olona, fa io fahitana io dia milaza ny farany. **18** Ary raha niresaka tamiko izy, dia renoky ny torimaso teo amin' ny tany aho; fa izy nanohina nampitsangana ahy. **19** Dia hoy izy: Indro, hampahafantariko anao izay ho tonga amin' ny fahatezerana farany; fa ho amin' ny fotoana any am-parany izany. **20** Ilay ondrilahy hitanao nanana tandroka roa dia ny mpanjakan' i Media sy Persia. **21** Ary ny osilahy lava volo dia ny mpanjakan' i Grisia; ary ny tandroka lehibe teo anelanelan' ny masony dia ny mpanjaka voalohany. **22** Ary ny amin' ilay efa tapaka, ka nisy efatra nitsangana nandimby azy, dia hisy fanjakana efatra hitsangana avy amin' ny jentilisa, nefa tsy mitovy hery aminy. **23** Ary ny hiafaran' ny fanjakany, rehefa tanteraky ny mpanota ny asany, dia hisy mpanjaka hitsangana, izay masia-tarehy sy mahafantatra zavatra saro-pantarina. **24** Ary ho be ny heriny, nefa tsy amin' ny herin' ny tenany; ary mahagaga ny fanimbana hataony; ary hambinina izy ka hahefa ary hanimba ny mahery sy ny olo-masìna. **25** Ary ny fahafetseny koa no hahatanteraka ny fitaka eny an-tanany; ary izy hiavonavona am-po ka handringana ny maro amin' izay tsy ampoiziny; ary hitsangana hanohitra ny Andrianan' ny andriana izy, kanjo ho torotoro kosa, nefa tsy hisy tanana hamely azy tsinona. **26** Ary dia marina ny amin' ireo andro voalaza ireo, nefa ahorony ny fahitana, fa mbola ho andro maro izany. **27** Ary izaho Daniela dia torana ka nandraiky narary andro vitsivitsy; ary nony afaka izany dia nitsangana aho ka nanao ny raharahan' ny mpanjaka; ary ka aho ny amin' ny fahitana, nefa tsy nisy nahafantatra izany.

9 Tamin' ny taona voalohany nanjakan' i Dariosa, zanak' i Ahasoerosy, avy amin' ny taranaky ny Mediana, izay nampanjakaina tamin' ny fanjakan' ny Kaldeana, **2** tamin' ny taona voalodany nanjakany, izaho Daniela nahalala tamin' ny boky ny isan' ny taona nampahafantarin' ny tenin' i Jehovah an' i Jeremia mpaminany, izay hahataperan' ny fito-polo taona amin' ny hahafoanan' i Jerosalema. **3** Ary nampanatrehiko an' Andriamanitra Tompo ny tavako hitady izay hivavahana sy hifonana amin' ny fifadian-kanina ny lamba fisaonana ary ny lavenona. **4** Ary nivavaka tamin' i Jehovah Andriamanitro aho ka nitsotra hoe: Indrisy! Tompo ô, Andriamanitra lehibe sy mahatahotra, mitandrina ny fanekena sy ny famindram-po ho amin' izay tia Azy sy mitandrina ny didiny, **5** efa nanota izahay sady nanao meloka ary nanao ratsy sy niodina, eny, efa niala tamin' ny didinao sy ny fitsipikao izahay, **6** ary tsy nohenoinay ny mpaminany mpanomponao, izay niteny tamin' ny anaranao tamin' ny mpanjakanay sy ny mpanapaka anay sy ny razanay ary ny vahoaka rehetra. **7** Anao ny fahamarinana, Tompo ô, fa anay kosa ny fangaihaizana, tahaka ny amin' izao anio izao, dia an' ny Joda sy ny mponina any Jerosalema ary ny Isiraely rehetra, na ny akaiky na ny lavitra, dia any amin' ny tany rehetra izay efa nandroahanao azy noho ny fahadisoany izay nandisoany taminao; **8** eny, anay ny fangaihaizana, Tompo ô, dia an' ny mpanjakanay sy ny mpanapaka anay ary ny razanay, satria efa nanota taminao izahay. **9** An' ny Tompo Andriamanitray kosa ny famindram-po sy ny famelan-keloka, satria efa niodina taminy izahay **10** ka tsy nihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitray, mba handeha araka ny lalàny izay nasainy napetraky ny mpaminany mpanompony teo anoloanay. **11** Eny, ny Isiraely rehetra efa nandika ny lalànao ka niala, fa tsy nihaino ny feonao, ka dia naidina taminay ny ozona sy ny fianianana izay voasoratra ao amin' ny lalàn' i Mosesy, mpanompon' Andriamanitra, satria efa nanota taminy izahay. **12** Ary notanterahiny ny teniny, izay nolazainy hamelezana anay sy ny mpitsaranay izay nitsara anay, ka nataony niharan-doza lehibe izahay, fa tetỳ ambanin' ny lanitra rehetra dia tsy mbola nisy natao tahaka izay natao tany Jerosalema. **13** Araka ny voasoratra ao amin' ny lalàn' i Mosesy no nahatongavan' izao loza rehetra izao taminay; nefa tsy nifona teo anatrehan' i Jehovah Andriamanitray izahay hialanay amin' ny helokay sy hahafantaranay ny fahamarinanao. **14** Koa izany no nitehirizan' i Jehovah ny loza, ka nataony mihatra aminay, fa marina Jehovah Andriamanitray amin' ny asany rehetra izay efa nataony; fa izahay no tsy nihaino ny feony. **15** Koa ankehitriny, Tompo Andriamanitray ô, Izay nitondra ny olonao nivoaka

avy tany amin' ny tany Egypta tamin' ny tanana mahery ka nanao anarana ho Anao tahaka ny amin' izao anio izao, efa nanota izahay, efa nanao ratsy izahay. **16** Tompo ô, mifona aminao aho, araka ny fahamarinanao rehetra, aoka re hionona ny fahatezeranao sy ny fahaviniranao amin' i Jerosalema tanànanao, tendrombohitrao masìna, fa ny helokay sy ny fahotan' ny razanay no nahatonga an' i Jerosalema sy ny olonao ho latsa amin' izay rehetra manodidina anay. **17** Fa ankehitriny, ry Andriamanitray ô, henoy ny fivavaky ny mpanomponao sy ny fifonany, ary ampamirapirato ny tavanao amin' ny fitoeranao masìna izay efa foana, satria Tompo Hianao. **18** Andriamanitra ô, atongilano ny sofinao, ka mihainoa; ahirato ny masonao, ka jereo ny fahafoananay sy ny tanàna izay nantsoina amin' ny anaranao; fa tsy amin' ny fahamarinanay no andoaranay ny fifonanay eto anatrehanao, fa amin' ny halehiben' ny indrafonao. **19** Tompo ô, mandrenesa, Tompo ô, mamelà heloka; Tompo ô, mihainoa, ka miasà; aza ela Hianao, ry Andriamanitro ô noho ny aminao; fa ny tanànanao sy ny olonao dia nantsoina amin' ny anaranao. **20** Ary raha mbola niteny sy nivavaka sy niaiky ny fahotako mbamin' ny fahotan' ny Isiraely fireneko aho ka nandoatra ny fifonako teo anatrehan' i Jehovah Andriamanitro ho an' ny tendrombohitra masin' Andriamanitro, **21** eny, raha mbola niteny nivavaka aho, dia, indro, ilay lehilahy Gabriela izay hitako tamin' ny fahitana voalohany, dia nampanidinina faingana ka nanatona ahy tokony ho tamin' ny fotoan' ny fanatitra hariva. **22** Ary izy nampahalala ahy sy niresaka tamiko ka nanao hoe: Ry Daniela ô, avy hampahazava saina anao aho. **23** Tamin' ny niantombohan' ny fivavakao dia nisy teny nivoaka, ka dia tonga hanambara aminao aho, satria malala indrindra ianao; koa diniho ny teny, ary aoka ho fantatrao ny fahitana. **24** Fito-polo herinandro no voatendry ho an' ny firenenao sy ny tanànanao masìna, hahatapaka ny fahadisoana sy hanampina ny fahotana, ary hanao fanavotana noho ny heloka sy hampiditra fahamarinana mandrakizay, ary hanisy tombo-kase ny fahitana sy ny faminaniana sy hanosotra izay masìna indrindra. **25** Koa aoka ho fantatrao sy ho azonao fa hatramin' ny hivoahan' ny didy hanavaozana sy hanamboarana an' i Jerosalema ka hatramin' i Mesia Andriana dia ho fito herinandro sy roa amby enim-polo herinandro; hamboarina indray ny lalana sy ny hady, dia amin' izay andro mampahory. **26** Ary rehefa afaka ny roa amby enim-polo herinandro, dia hovonoina ny Mesia ka tsy hanana; ary ny vahoaky ny mpanjaka izay ho avy dia handrava ny tanana sy ny fitoerana masìna; ary ny farany dia hisy safotra, ary hatramin' ny farany dia hisy ady sy fandravana voatendry. **27** Ary hanorina fanekena ho herinandro amin' ny maro izy ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hafa hatramin' ny antsasaky ny herinandro, ary amin' ny elatry ny fahavetavetana no nihavian' ny mpandrava, hatramin' ny fahafonganana voatendry, izay haidina amin' ny mpandrava.

10 Tamin' ny taona fahatelo nanjakan' i Kyrosy, mpanjakan' i Persia, dia nisy nambara tamin' i Daniela, izay atao hoe Beltesazara; marina ny teny, ary ady mafy no nolazainy; ary nahalala ny teny izy sady nahafantatra ny fahitana. **2** Tamin' izany andro izany izaho Daniela dia nisaona roatokom-bolana mipaka. **3** Tsy nihinana hanim-py aho, sady tsy nanendry hena na divay ny vavako, ary tsy nihosotra diloilo akory aho ambara-pahatapitry ny roatokom-bolana mipaka. **4** Ary tamin' ny andro fahefatra amby roa-polo tamin' ny volana voalohany, raha teo amoron' ny ony lehibe aho (Hidekela izany), **5** dia nanopy ny masoko aho ka nijery, ary, indro, nisy lehilahy iray nitafy rongony fotsy, ka tena volamena avy any Ofaza no nisikinany; **6** tahaka ny krysolita ny tenany, ary tahaka ny helatra ny tarehiny, ary tahaka ny fanilo mirehitra ny masony, ary mivolom-barahina manganohano ny sandriny sy ny tongony; ary ny feony toy ny feon' olona maro be; **7** ary izaho Daniela ihany no nahita ny fahitana; fa ny olona izay teo amiko kosa tsy mba nahita izany, fa toran-kovitra indrindra izy ka nandositra niery. **8** Ary dia nilaozana ho irery aho ary nahita izany fahitana lehibe izany, dia tsy nisy hery tafajanona tato amiko; fa nihasimba nivaloarika ny tarehiko, ary tsy nisy hery intsony tamiko. **9** Nefa nandre ny teniny ihany aho; ary nony nandre izany aho, dia renoky ny torimaso niankohoka tamin' ny tany. **10** Ary, indro, nisy tanana nanohina ka nanarina ahy handohalika sy hitehin-tanana, nefa mbola nangozohozo ihany. **11** Ary hoy izy tamiko: Ry Daniela malala ô, fantaro ny teny Izay lazaiko aminao, ka mijoroa; fa nirahina ho atỳ aminao aho ankehitriny. Ary nony nilaza izany teny izany tamiko izy, dia nitsangana nangozohozo teo aho. **12** Dia hoy izy tamiko: Aza matahotra, ry Daniela; fa hatramin' ilay andro voalohany nampiasanao ny fonao hahalala sy hampahory ny tenanao teo anatrehan' Andriamanitrao dia reko ny teninao, ary noho ny teninao dia avy aho. **13** Fa ilay andrianan' ny fanjakan' i Persia nanohitra ahy iraika amby roa-polo andro; fa indro kosa Mikaela, anankiray amin' ireo andriana lehibe, no tonga hanampy ahy; ka dia izaho ihany no sisa nijanona teo amin' ny mpanjakan' i Persia. **14** Ary avy hampahafantatra anao izay hanjo ny firenenao any am-parany aho, satria mbola hihatra amin' izany andro izany ny fahitana. **15** Ary nony nilaza izany teny izany tamiko izy, dia niankohoka tamin' ny tany aho sady tsy nahateny. **16** Ary, indro, nisy anankiray miendri-janak' olombelona nanendry ny molotro, dia niloa-bava aho ka niteny nanao tamin' ilay nitsangana teo anatrehako hoe: Tompoko, azon' ny fanaintainana aho noho ny fahitana ka tsy manan-kery intsony. **17** Fa aiza no ahazoan' ity izaho mpanompon' ny tompoko ity hiteny aminao tompoko? Ary tamin' izay dia tsy nisy hery nitoetra tato amiko intsony, na nisy aina sisa tato amiko. **18** Ary nisy indray nanana endrik' olona nanendry ahy koa, dia nampahery ahy **19** ka nanao hoe: Aza matahotra, ry ilay malala indrindra; fiadanana anie ho anao, mahereza, eny, mahereza. Ary rehefa niteny tamiko izy, dia nihahery aho ka nanao hoe: Aoka hiteny ianao tompoko, satria efa nampahery ahy. **20** Dia hoy izy: Moa fantatrao va ny nihaviako atỳ aminao? Ankehitriny dia hiverina hiady amin' ny andrianan' i Persia aho, ary rehefa mivoaka aho, dia, indro, ho avy ny andrianan' i Grisia. **21** Fa hambarako aminao izay voasoratra ao amin' ny soratra

marina; nefa tsy misy miara-misikìna amiko hanohitra ireo, afa-tsy Mikaela andriananareo.

11 Fa tamin' ny taona voalohany nanjakan' i Dariosa Mediana dia nitsangana hampahery sy hanatanjaka azy aho. **2** Ary ankehitriny izay tenany tokoa dia haharihariko aminao. Indro, mbola hisy mpanjaka telo koa hitsangana any Persia; ary ny fahefatra hanan-karena be mihoatra noho izy rehetra; koa rehefa mahery izy noho ny hareny, dia hotairiny avokoa ny olona rehetra hamely ny fanjakan' i Grisia. **3** Ary hisy mpanjaka mahery hitsangana, izay hanapaka amin' ny fanapahana lehibe sady hanao araka izay sitrapony. **4** Ary rehefa mitsangana izy, dia horavana ny fanjakany ka hozaraina ho amin' ny rivotra efatry ny lanitra; fa tsy ho an' ny taranany, na araka ny fanapahany izay nanapahany, fa hongotana ny fanjakany ka ho an' ny hafa, fa tsy ho an' ireo. **5** Ary hahery ny mpanjakan' ny atsimo; nefa ny anankiray amin' ny andriandahiny dia hahery noho izy aza ka hanapaka; ary ho fanapahana lehibe ny fanapahany. **6** Ary rehefa afaka taona vitsivitsy, dia hikambana izy roa lahy ireo; ary ho avy ny zanakavavin' ny mpanjakan' ny atsimo hankany amin' ny mpanjakan' ny avaratra hahatsara ny fihavanana; nefa tsy hahatana ny herin-tsandry izy, ary tsy hahajanona ilay mpanjaka na ny sandriny, fa hatolotra razazavavy sy ireo nitondra azy sy rainy niteraka azy mbamin' izay nampahery azy tamin' izany andro izany. **7** Fa hisy solofony anankiray avy amin' ny fakany hitsangana handimby azy, ka hihavian' izay ny miaramila, ary hidirany ny fiarovana mafin' ny mpanjakan' ny avaratra, ka hasiany ireo, dia hahery izy. **8** Ary ny andriamaniny koa mbamin' ny sarin-javatra an-idina sy ny fanaka tsara ananany, na ny volafotsy na ny volamena, dia hobaboiny avokoa; ary hijanona elaela tsy hamely ny mpanjakan' ny avaratra izy. **9** Ary ho tonga amin' ny fanjakan' ny mpanjakan' ny atsimo izy, nefa hody any amin' ny taniny ihany. **10** Fa hanomana tafika ny zanany ka hanangona miaramila maro be; dia ho avy tokoa ireo ka hanerana toy ny safotra, rehefa afaka izany, dia hiverina izy, ary hanihiny ihany na dia ny fiarovana mafiny aza. **11** Ary dia hisafoaka ny mpanjakan' ny atsimo, ka hivoaka hiady aminy izy, dia amin' ny mpanjakan' ny avaratra, ary izy hanangona maro be; ary ny maro be dia hatolotra ho eo an-tànany. **12** Ary raha miainga ireo maro be ireo, dia hiavonavona ny fony; ary haharipaka alinalina izy, nefa tsy hahery. **13** Fa hiverina ny mpanjakan' ny avaratra ka hanangona olona maro be mihoatra noho ny teo; ary rehefa afaka ny fe-taona, dia ho avy tokoa izy ka hitondra miaramila maro sy fitaovana betsaka. **14** Ary amin' izany andro izany dia maro no hitsangana hamely ny mpanjakan' ny atsimo; ary ireo loza indrindra amin' ny firenenao dia hanandra-tena hahatò ny fahitana, nefa ho lavo izy. **15** Ka dia ho avy ny mpanjakan' ny avaratra hanandratra tovontany hanafaka ny tanàna mimanda; ary na ny sandrin' ny atsimo na ny olom-pidiny dia tsy hahomby, ary tsy hisy hery hahombiazany. **16** Fa izay avy hamely azy dia hanao araka Izay sitrapony, ka tsy hisy hahajanona eo anatrehany; ary izy hijanona ao amin' ny tany mahafinaritra, ary hisy fandringanana eny an-tànany. **17** Dia hivonona tsara handeha amin' ny herin' ny fanjakany rehetra izy ka hanao izay hahatsara ny fihavanana; ary homeny ny zanakavavin' ny vehivavy izy ka hahatonga loza aminy; ary tsy hahalavorary razazavavy, na hahasoa azy akory. **18** Ary hitodika mankany amin' ny nosy izy ka hahalasa be; ary hisy mpanapaka hampitsahatra ny latsa ataony, sady hatsingeriny aminy ny latsa ataony. **19** Dia hitodika hankany, amin' ny fiarovana mafy any amin' ny taniny izy; kanjo ho tafintohina sy ho lavo izy ka tsy ho hita. **20** Ary hitsangana handimby azy indray ny anankiray izay hampandeha mpampiasa ho any amin' izay tsara indrindra amin' ny fanjakany; fa rehefa afaka andro vitsy, dia ho faty io, nefa tsy amin' ny fahatezerana, na amin' ny ady. **21** Ary hisy olona famingavinga hitsangana handimby io indray, izay tsy homena ny voninahitry ny fanjakana; fa hiditra tsy ampoizina izy ka hahazo ny fanjakana amin' ny fahafetsena, **22** ary ireo miaramila toy ny safotra no hindaosina hiala eo anatrehany sady ho resiny mbamin' ny andriana vita fanekena aminy koa. **23** Eny, rehefa mifanaiky aminy io, dia hanao fitaka; fa hiakatra izy ka hahery, na dia vitsy aza ny olona entiny. **24** Hiditra tsy ampoizina amin' ny fari-tany mahavokatra indrindra izy ka hanao izay tsy nataon' ny rainy na ny razany; hahahany eny amin' ireny ny sambotra sy ny babo ary ny harena; ary hamoron-tsaina izy ka hamely ny fiarovana mandra-pahalanin' ny fotoana. **25** Ary hanaitra ny heriny sy ny fony izy hamely ny mpanjakan' ny atsimo amin' ny miaramila maro; ary ny mpanjakan' ny atsimo kosa hanafika mitondra miaramila maro sady mahery indrindra; nefa tsy hahajanona izy, satria hisy hamoron-tsaina hamely azy. **26** Eny, izay homana ny hanina avy aminy ihany no hahalavo azy, ary ny miaramilany hanerana toy ny safotra, sady maro ny faty hiampatrampatra. **27** Ary ny fon' ireo mpanjaka roa ireo dia samy ta-hanao ratsy, ary eo an-databatra iray no hiresahany lainga; nefa tsy hambinina izany; fa ny farany dia ho amin' ny fotoana ihany. **28** Ary hiverina ho any amin' ny taniny mitondra harena be izy; koa ny fony dia hanohitra ny fanekena masìna; ary hahefa sy hiverina ho any amin' ny taniny izy **29** Amin' ny fotoana dia ho lasa mianatsimo indray izy; nefa ny farany tsy ho toy ny voalohany; **30** fa ny sambon' i Kitima ho avy namely azy, ka dia ho kivy izy ka hiverina ary hisafoaka amin' ny fanekena masìna ka hamely; eny, hiverina izy ka hisaina ny amin' ireo efa mahafoy ny fanekena masìna. **31** Ary hisy miaramila hitsangana noho ny teniny ka handoto ny fitoerana masìna, dia ny fiarovana mafy, ary hampitsahatra ny fanatitra isan' andro sady hampiditra ny fahavetavetana mahatonga fandravana. **32** Ary izay mivadika ny fanekena dia hambosiny amin' ny fandroboana; fa ny dona izay mahalala an' Andriamaniny kosa dia hifikitra amin' izany ka hankatò azy. **33** Ary izay hendry ao amin' ny olona dia hampianatra ny maro; nefa ho lavon' ny sabatra sy ny lelafo sy ny famaboana ary ny fandrobana elaela ihany izy. **34** Ary rehefa lavo izy, dia hahazo famonjena kely; ary maro no hikambana aminy amin' ny fihatsaram-belatsihy. **35** Ary hisy ho lavo koa ny manan-tsaina, mba hizahan-toetra sy hanadiovana ary hamotsiana azy

ambara-pahatongan' ny andro farany, fa mbola ho amin' ny fotoana ihany izany. **36** Ary ny mpanjaka hanao araka izay sitrapony; ary hisandratra sy hanandra-tena ho ambonin' ny andriamanitra rehetra izy ka hiteny zavatra mahagaga ny amin' Andriamanitry ny andriamanitra, ary hambinina ihany izy mandra-pahatanteraky ny fahatezerana; fa izay efa voatendry no tsy maintsy hatao. **37** Ary tsy hahoany akory ny andriamanitry ny razany, na ny fitiavan' ny vehivavy; eny, tsy hahoany akory izay andriamanitra, fa hanandra-tena noho izy rehetra izy. **38** Fa ny andriamanitry ny fiarovana mafy no hankalazainy hisolo izany; ary volamena sy volafotsy sy vato soa ary zavatra mahafinaritra no ho entiny mankalaza ny andriamanitra izay tsy fantatry ny razany. **39** Dia homban' ny andriamani-kafa izy ka hamely ny batery mafy indrindra, ary izay manaiky azy dia homeny voninahitra be sady hataony mpanapaka ny maro, ary hozarainy ho azy ny tany ho valim-pitia. **40** Ary amin' ny faran' ny andro dia hanoto azy ny mpanjakan' ny atsimo; ary ny mpanjakan' ny avaratra koa ho avy hamely azy toy ny tafio-drivotra ka hitondra kalesy sy mpitaingin-tsoavaly ary sambo maro; ary hiditra amin' ny tany izy ka hanerana toy ny safotra. **41** Hiditra ao amin' ny tany mahafinaritra koa izy, ary maro no ho ripaka; fa izao kosa no ho afa-mandositra ny tànany: Edoma sy Moaba ary ireo lohan' ny taranak' i Amona. **42** Haninjitra ny tànany amin' ny tany sasany koa izy; ary ny tany Egypta tsy ho afa-mandositra. **43** Fa hahalasa ny rakitra volamena sy volafotsy ary ny zava-tsoan' i Egypta rehetra izy; ary ny Libyana sy ny Etiopiana hanaraka azy. **44** Fa hisy siosion-teny avy any atsinanana sy avy any avaratra haharaiki-tahotra azy, ka dia hivoaka amin' ny fahatezerana be izy handrava sy handringana maro. **45** Ary haoriny eo anelanelan' ny ranomasina sy ny tendrombohitra masìna mahafinaritra ny trano-lainy izay lapany; nefa ho tonga ao amin' ny hiafarany ihany izy, ka tsy hisy hamonjy azy.

12 Ary amin' izany andro izany dia hitsangana Mikaela, andrian-dehibe, izay mitsangana hiaro ny zanaky ny firenenao; ary hisy andro fahoriana, izay tsy nisy tahaka azy hatrizay nisian' ny firenena ka hatramin' izany andro izany; ary amin' izany dia ho afaka ny firenenao, dia izay rehetra hita voasoratra ao amin' ny boky. **2** Ary maro amin' izay matory ao amin' ny vovoky ny tany no hifoha: ny sasany ho amin' ny fiainana mandrakizay, ary ny sasany ho amin' ny henatra sy ny latsa mandrakizay. **3** Ary izay hendry dia hamirapiratra toy ny famirapiratry ny lanitra; ary izay mamerina ny maro ho amin' ny fahamarinana dia ho tahaka ny kitana mandrakizay doria. **4** Ary ianao, ry Daniela, dia ahoroninao ny teny, ka asio tombo-kase ny taratasy mandra-pihavin' ny andro farany; maro no hazoto mandinika, ka hitombo ny fahalalana. **5** Dia nijery aho Daniela, ka, indro, nisy roa hafa koa nitsangana ny anankiray teto amoron' ny ony, ary ny anankiray kosa teroa an-dafiny. **6** Ary hoy ny anankiray tamin' ilay lehilahy mitafy rongony fotsy, izay teo ambonin' ny rano amin' ny ony: Mandra-pahoviana vao ho tanteraka ny faran' ireo fahagagana ireo? **7** Ary ilay lehilahy mitafy rongony fotsy, izay teo ambonin' ny rano amin' ny ony, dia nanandratra ny tànany ankavanana sy ny tànany ankavia ho amin' ny lanitra ka reko nianiana tamin' Izay velona mandrakizay izy fa ho fetr' andro iray sy fetr' andro roa ary antsasaky ny fetr' andro; ary rehefa vita ny fanamontsamontsanana ny herin' ny olo-masìna, dia ho tanteraka ireo rehetra ireo. **8** Ary nandre izany aho, nefa tsy nahafantatra; dia hoy izaho: Tompoko ô, hanao ahoana no hiafaran' ireo zavatra ireo? **9** Dia hoy izy: Andeha, ry Daniela, fa efa voahorona ny teny sady voaisy tombo-kase mandra-pihavin' ny andro farany. **10** Maro no hodiovina sy hofotsiana ary hozahan-toetra; fa ny ratsy fanahy kosa mbola hanao ratsy ihany, ary tsy hisy amin' ny ratsy fanahy hahafantatra, fa ny hendry no hahafantatra. **11** Ary hatramin' ny andro hampitsaharana ny fanatitra isan' andro sy hampidirana ny fahavetavetana mahatonga fandravana dia hisy andro sivifolo sy roan-jato amby arivo. **12** Sambatra izay miandry sy mahatratra ny andro dimy amby telo-polo amby telon-jato sy arivo. **13** Fa mandehana ianao mandra-pihavin' ny farany; fa hitsahatra ianao ka hitsangana ho ao amin' ny anjaranao amin' ny andro farany.

Hosea

1 Ny tenin' i Jehovah, izay tonga tamin' i Hosea, zanak' i Bery, tamin' ny andro nanjakan' i Ozia sy Jotama sy Ahaza ary Hezekia, mpanjakan' ny Joda, sy tamin' ny andron' i Jeroboama, zanak' i Joasy, mpanjakan' ny Isiraely. **2** Tamin' ny niandohan' ny nitenenan' i Jehovah tamin' i Hosea dia hoy Jehovah taminy: Andeha ianao maka vady izay efa tena janga sy zanaky ny fijangajangana; fa fatra-pijangajanga miala amin' i Jehovah ny tany. **3** Dia lasa izy naka an' i Gomera, zanakavavin' i Diblaima; ary dia nanan' anaka ravehivavy ka nitera-dahy taminy. **4** Ary hoy Jehovah taminy: Ataovy Jezirela no anarany; fa vetivety dia hovaliako ny taranak' i Jeho noho ny rà nalatsaka tao Jezirela, ary hatsahatro ny fanjakan' ny taranak' Isiraely. **5** Ary amin' izany andro izany dia hotapahiko ao amin' ny tany lemaka Jezirela ny tsipìkan' Isiraely. **6** Ary nanan' anaka indray ravehivavy ka nitera-bavy. Dia hoy Jehovah taminy: Ataovy Lò-rohama no anarany; fa tsy hamindra fo amin' ny taranak' Isiraely intsony Aho, eny, tsy havelako mihitsy ny helony. **7** Fa ny taranak' i Joda no hamindrako fo, ary Izaho Jehovah Andriamaniny no hamonjy azy, nefa tsy amin' ny tsipìka, na amin' ny sabatra, na amin' ny ady, na amin' ny soavaly, na amin' ny mpitaingin-tsoavaly. **8** Ary rehefa notazana Lò-rohama, dia nanan' anaka indray reniny ka nitera-dahy. **9** Dia hoy Jehovah: Ataovy Lò-amy no anarany; fa ianareo tsy oloko, ary Izaho tsy ho Andriamanitrareo. **10** Kanefa, na dia izany aza, ny isan' ny Zanak' Isiraely dia ho betsaka toy ny fasika amin' ny ranomasina, izay tsy azo afatra sady tsy tambo isaina; ary any amin' ny tany izay nilazana taminy hoe: Tsy oloko ianareo, dia any no hanaovana aminy hoe: Zanak' Andriamanitra velona ianareo. **11** Dia hiara-mivory ny taranak' i Joda sy ny taranak' Isiraely ka hifidy anankiray ho lohany izy, dia hiakatra hiala amin' ny tany, fa ho lehibe ny andron' i Jezirda.

2 Manaova amin' ny rahalahinareo hoe: Amy, ary amin' ny anabavinareo hoe: Rohama. **2** Mifandahara amin-dreninareo, eny, mifandahara fa izy tsy vadiko, ary Izaho tsy vadiny, ary aoka hesoriny ny fijejojejoany hiala eo amin' ny tavany sy ny fijangajangany tsy ho eo an-tratrany; **3** Fandrao hampihanjahanjaiko izy ka hataoko toy ny tamin' ny andro nahaterahany, ary hataoko toy ny efitra sy ny tany karankaina izy, eny, hataoko matin-ketaheta izy. **4** Ary tsy hamindrako fo ny zanany, Satria zanaky ny fijangajangana ireny. **5** Fa efa nijangajanga ny reniny, eny, ilay torontoronina azy efa nanao izay mahamenatra; Fa hoy izy: Hanaraka ireo lehilahiko ihany aho, Izay manome ahy ny hanin-kohaniko sy ny rano hosotroiko, sy ny volon' ondriko sy ny rongoniko sy ny diloiloko ary ny fisotroko. **6** Koa, indro, hotampenako tsilo ny lalanao sady hasiako fefy, ary tsy hahita izay lalan-kalehany izy. **7** Ary hiezaka hanenjika ireo lehilahiny izy, nefa tsy hahatratra azy; Eny, hitady ireo izy, nefa tsy hahita; Dia hanao hoe izy: Handeha hody amin' ny vadiko taloha aho; Fa niadana aho tamin' izay noho ny ankehitriny. **8** Ary tsy fantany fa Izaho no nanome azy ny vary sy ny ranom-boaloboka sy ny diloilo, sady nataoko be ny volafotsiny sy ny volamenany, izay nolaniny ho an' i Bala, **9** Koa dia halaiko indray ny variko amin' ny androny sy ny ranom-boaloboko amin' ny taonany, ary haoriko ny volon' ondriko sy ny rongoniko, izay nomena hasarony ny fitanjahany. **10** Ary ankehitriny hasehoko eo imason' ireo lehilahiny ny fahamenarany, ka tsy hisy hahafaka azy amin' ny tanako. **11** Ary hatsahatro ny fifaliany rehetra, dia ny andro firavoravoany sy ny voaloham-bolany ary ny Sabatany, eny, ny fotoam-pivavahany rehetra. **12** Ary hofongorako ny voalobony sy ny aviaviny, izay nataony hoe: Tangiko avy tamin' ireo lehilahiko ireto, ary hataoko ho tonga ala ireny ka hohanin' ny bibidia. **13** Ary hovaliako izy noho ny andron' ireo Bala, izay efa nandoroany ditin-kazo manitra sady niravahany ny kaviny sy ny firavany, ka nanaraka ireo lehilahiny izy; Fa Izaho kosa nohadinoiny, hoy Jehovah. **14** Koa, indro, Izaho dia hitaona azy ka hitondra azy ho any an-efitra ary hanao teny malefaka hahafinaritra azy. **15** Ary hatrany dia homeko azy ny tanim-boalobony sy ny lohasaha Akora ho varavaram-panantenana; Ary any no hamaliany toy ny tamin' ny andro fahatanorany, dia toy ny tamin' ny andro niakarany avy tany amin' ny tany Egypta. **16** Ary raha mby amin' izany andro izany, hoy Jehovah, dia hataonao hoe Aho Vadiko, fa tsy hataonao intsony hoe Balako. **17** Fa hesoriko amin' ny vavany ny anaran' ireo Bala, ka tsy hotsarovana amin' ny anarany intsony ireo. **18** Ary raha mby amin' izany andro izany, Izaho dia hanao fanekena ho azy amin' ny bibidia sy amin' ny voro-manidina ary amin' ny biby mandady sy mikisaka amin' ny tany; Ary hotapatapahiko tsy hisy amin' ny tany intsony ny tsipìka sy ny sabatra ary ny fiadiana, dia hataoko mandry fahizay izy; **19** Ary hofofoiko ho vadiko mandrakizay ianao, eny, hofofoiko ho vadiko amin' ny rariny sy ny hitsiny ary amin' ny fitiavana sy ny indrafo ianao; **20** Eny, hofofoiko ho vadiko amin' ny fahamarinana ianao. Ka dia hahalala an' i Jehovah. **21** Ary amin' izany andro izany dia hihaino Aho, hoy Jehovah, eny, hihainoa ny lanitra Aho, ary izy kosa hihaino ny tany; **22** Ary ny tany kosa hihaino ny vary sy ny ranom-boaloboka ary ny diloilo; Ary ireo kosa dia hihaino an' i Jezirela, **23** Dia hafafiko ho Ahy amin' ny tany izy; Ary hamindra fo amin' i Lò-rohama Aho sady hanao amin' i Lò-amy hoe: Oloko ianao; Ary izy kosa hanao hoe: Andriamanitro Hianao.

3 Dia hoy Jehovah tamiko: Mandehana indray, tiava vehivavy izay tian' ny vadiny nefa mijangajanga, dia tahaka ny fitiavan' i Jehovah ny Zanak' Isiraely, nefa ireo kosa dia mihodìna ho amin' izay andriamani-kafa sady tia ampempam-boaloboka. **2** Ka dia novidiko sekely volafotsy dimy ambin' ny folo sy vary hordea homera iray sy tapany izy. **3** Ary hoy izaho taminy: Andro maro no hitoeranao miandry ahy; fa tsy havela hijangajanga na hanambady olon-kafa ianao; ary izaho koa dia ho toy izany aminao. **4** Fa andro maro no hitoeran' ny Zanak' Isiraely tsy hanana mpanjaka, na mpanapaka, na fanatitra, na tsangam-bato, na efoda, na terafima. **5** Rehefa afaka izany, dia hiverina ny Zanak' Isiraely ka hitady an' i Jehovah Andriamaniny sy Davida mpanjakany; ary nandeha amin-kovitra hanatona

an' i Jehovah sy ny fahasoavany izy, raha mby any amparany.

4 Mihainoa ny tenin' i Jehovah, ianareo Zanak' Isiraely! Fa Jehovah manana ady amin' ny mponina amin' ny tany, satria tsy misy fahamarinana, na fitiavana, na fahalalana an' Andriamanitra eo amin' ny tany, **2** Fa fianianana sy lainga sy vonoana sy halatra sy fijangajangana kosa, eny, manao ankeriny izy ka mifanontona ny fandatsahan-drà. **3** Ary noho izany dia mitomany ny tany ary reraka izay rehetra mitoetra ao aminy, dia ny bibi-dia sy ny voro-manidina; Eny, na dia ny hazandrano any anaty ranomasina aza dia ringana koa. **4** Kanefa aza misy mandahatra, na mananatra; Fa ny oloko dia efa tahaka ny mifanditra amin' ny mpisorona. **5** Ka dia ho tafintohina antoandro ianao, ary ny mpaminany hiara-tafintohina aminao koa amin' ny alina, ary hovonoiko ny reninao. **6** Ringana ny oloko noho ny tsi-fisian' ny fahalalana. Satria ianao efa nandà ny fahalalana, dia mba holaviko kosa tsy ho mpisoroko intsony; Ary efa nanadino ny lalan' Andriamanitrao ianao, ka dia mba hohadinoiko kosa ny zanakao. **7** Araka ny nitomboany no nanotany tamiko, ka dia hampodiko ho henatra kosa ny voninahiny. **8** Ny fanatitra noho ny ota izay aterin' ny oloko dia haniny ka satriny ihany ny ho diso ireny. **9** Ary ho sahala ihany ny hanjo ny olona sy ny mpisorona; Dia hovaliako izy noho ny lalany, ary ny ataony dia hatsingeriko aminy. **10** Ka dia hihinana izy, nefa tsy ho voky, hijangajanga izy, nefa tsy hihabetsaka, satria Jehovah efa tsy nahoany intsony. **11** Fijangajangana sy divay ary ranom-boaloboka no mahalasa ny saina. **12** Ny oloko dia mila saina amin' ny tapakazony, ary ny tehiny no manambara aminy; Fa ny fanahimpijangajangana no nampania azy, ary lasan-ko janga izy ka tsy manaiky an' Andriamaniny. **13** Eny an-tampon' ny tendrombohitra no amonoany zavatra hatao fanatitra, ary eny amin' ny havoana no andoroany ditin-kazo manitra, dia eny ambanin' ny hazo ôka sy ny popola ary ny terebinta, satria tsara alokaloka ireny; Koa izany no ijejojejoan' ny zanakavavinareo sy ijangajangan' ny vinantovavinareo. **14** Tsy hamaly ny zanakavavinareo Aho, raha mijejojejo izy, na ny vinantovavinareo, raha mijangajanga izy; Fa ny tenanareo aza dia miavaka hankamin' ny mpijangajanga sady mamono zavatra hatao fanatitra miaraka amin' ireo vehivavy mpanolotena hijangajanga ho fanompoantsampy, ka dia ho lavo ny firenena tsy misaina. **15** Na dia mijangajanga aza ianao, ry Isiraely. Aoka ny Joda tsy mba hanota; Ary aza mankany Gilgala na miakatra any Betavena ianareo; Ary aza mianiana hoe: Raha velona koa Jehovah! **16** Fa ny Isiraely dia maditra toy ny vantotr' ombivavy maditra; Ankehitriny dia handrasan' i Jehovah toy ny zanak' ondry eny amin' ny malalaka izy. **17** Tafaraikitra amin' ny sampy Efraima; Aoka izy ho eo. **18** Efa lefy ny divainy; Mahery mijangajanga izy; Fatra-pitia henatra ireo mpanapaka azy. **19** Voapaoky ny elatry ny rivotra izy ka ho menatra noho ny zavatra novonoiny hatao fanatitra.

5 Henoinareo izao, ry mpisorona, ary mandrenesa, ry taranak' Isiraely; Ary atongilano ny sofinareo, ry mpianakavin' ny mpanjaka; Fa ianareo no hihiran' ny fitsarana, satria tonga fandrika ao Mizpa ianareo sy fandrika harato voavelatra ao Tabara. **2** Ny mpivadika dia fatrapamono; Fa Izaho kosa famaizana azy rehetra. **3** Izaho mahalala an' i Efraima, ary Isiraely tsy takona amiko; Ankehitriny dia tonga mpijangajanga ianao, ry Efraima, voaloto Isiraely. **4** Tsy avelan' ny ataony hiverina amin' Andriamanitra izy; Fa ny fanahim-pijangajangana no ao anatiny, ary Jehovah tsy fantany. **5** Ary ny avonavon' Isiraely dia vavolombelona manameloka azy; Ary Isiraely indrindra fa Efraima, ho lavon-keloka; Joda hiara-davo aminy koa. **6** Hitondra ny ombiny aman' ondriny izy ka handeha hitady an' i Jehovah. Nefa tsy hahita Azy; Jehovah efa niala taminy. **7** Nivadika tamin' i Jehovah izy, fa niteraka zaza sary; Ankehitriny dia ho levon' ny voaloham-bolana izy mbamin' ny zara-lovany. **8** Tsofy ao Gibea ny anjomara ary ny trompetra ao Rama! Miantsoa mafy ao Betavena! Inay! misy manenjika anao, ry Benjamina! **9** Ho lao Efraima, raha mby amin' ny andro fanamelohana; Izay tsy maintsy ho tò no nambarako tao amin' ny firenen' Isiraely. **10** Ny mpanapaka ny Joda dia efa tonga toy izay mamindra faritany, ka dia ireo no hampidinako ny fahatezerako toy ny fampidina rano. **11** Ampahorina Efraima sady voatorotoron' ny fitsarana, satria ninia nanaraka didin' olombelona izy, **12** Koa amin' i Efraima dia tahaka ny kalalao Aho ary amin' ny taranak' i Joda dia toy ny fositra. **13** Rehefa hitan' i Efraima ny aretiny, ary Joda ny feriny, dia nantany amin' ny Asyriana Efraima, eny, naniraka ho any amin' i Jareba mpanjaka izy; Nefa izy tsy mahasitrana anareo, na mampanaritra ny ferinareo. **14** Fa amin' i Efraima dia tahaka ny liona Aho, ary amin' ny taranak' i Joda dia tahaka ny liona tanora: Izaho dia Izaho no mamiravira, dia lasa mandeha; Mahalasa Aho, ka tsy misy mahavonjy. **15** Handeha hody any amin' ny fitoerako Aho ambara-piaikiny ny helony sy hitadiavany ny tavako. Rehefa azom-pahoriana izy, dia hitady Ahy fatratra.

6 Andeha hiverina ho amin' i Jehovah isika; Fa Izy no namiravira, ary Izy ihany no hahasitrana antsika; Izy no namely, ary Izy no hamehy ny ferintsika. **2** Rehefa afaka indroa andro, dia hovelominy indray isika; Ary amin' ny andro fahatelo, dia hatsangany ho velona eo anatrehany isika **3** Dia aoka hahalala, eny, aoka hiezaka hahalala an' i Jehovah isika; Mahatoky toy ny maraina ny fiposahany, dia ho avy amintsika toy ny ranonorana mivatravatra Izy, sy toy ny fara orana izay mahavonto ny tany. **4** Inona re no ho azoko atao aminao, ry Efraima? Inona re no ho azoko atao aminao, ry Joda? Fa toy ny rahona maraina ny fitiavanareo sy tahaka ny ando izay levona, raha vao maraina ny andro. **5** Ary noho izany ny mpaminany no nentiko nikapa azy, ny tenin' ny vavako no nentiko namono azy; Ary ny fitsarana anao dia hiposaka toy ny mazava. **6** Fa famindram-po no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-drà, ary fahalalana an' Andriamanitra noho ny fanatitra dorana. **7** Fa ireny dia nivadika ny fanekena tahaka an' i Adama, tao no nivadihany nahafoizany Ahy. **8** Gileada dia tanànan' ny mpanao ratsy sady voaloton' ny rà. **9** Ary toy ny fanotriky ny jiolahy no fikamban' ny mpisorona: Mamono eny an-dalambe mankany Sekema izy, eny, efa nanao fahavetavetana koa

izy. **10** Tao amin' ny taranak' Isiraely no nahitako zavatra mahatsiravina: ao ny fijangajangan' i Efraima, voaloto Isiraely. **11** Ny aminao, ry Joda, dia voatendry koa ny andro hijinjana anao, rehefa ampodiko avy amin' ny fahababoana ny oloko.

7 Raha ta-hanasitrana ny Isiraely Aho, dia miseho ny helok' i Efraima sy ny faharatsian' i Samaria, fa manao fitaka izy; Miditra ny mpangalatra, ary ny jiolahy manao andiany dia mandehandeha eny ivelany. **2** Ary tsy heveriny ao am-po fa tsarovako ny faharatsiany rehetra; Ankehitriny dia gejan' ny nataony izy, efa tonga eo anatrehako izany. **3** Amin' ny faharatsiany no ampifaliany ny mpanjaka, ary amin' ny laingany ny mpanapaka. **4** Samy mpaka vadin' olona avokoa izy rehetra ka toy ny fatana voafanan' ny mpanendy mofo, izay mitsahatra tsy misorona afo hatramin' ny ametafetany ny koba ka ambara-pitombony. **5** Tamin' ny andron' ny mpanjakantsika dia nankarary tena tamin' ny fanafanan' ny herin' ny divay ny mpanapaka; Nifandray tanana tamin' ny mpaniratsira ny mpanjaka. **6** Fa entin' ireo ho ao am-panotrehana ny fony, toy ny ho ao amin' ny fatana; Mandritra ny alina dia matory ihany ny mpanendy azy, ary nony maraina dia toy ny lelafo mirehitra ny fatana. **7** Samy mahamay toy ny fatana izy rehetra ka mandevona ny andriambaventiny; Efa lavo avokoa, ny mpanjakany, tsy misy miantso Ahy izy rehetra. **8** Efraima dia miharoharo amin' ireo firenena; Efraima dia efa tonga ampempa tsy voavadika. **9** Lanin' ny vahiny ny heriny, nefa tsy fantany akory izany; Eny, efa mipi-bolo ihany izy, saingy tsy fantany. **10** Ary ny avonavon' Isiraely dia vavolombelona manameloka azy; Nefa, na dia izany rehetra izany aza, dia tsy miverina amin' i Jehovah Andriamaniny ihany izy, na mitady Azy. **11** Ary Efraima dia efa tonga tahaka ny voromailala adaladala tsy manan-tsaina; Efa miantso an' i Egypta izy ary efa mankany Asyria. **12** Raha vao mandeha izy, dia hovelariko aminy ny fandrika haratoko, ka hampidiniko ao toy ny voro-manidina izy; Hofaizako izy araka izay efa nambara tamin' ny fiangonany. **13** Lozan' ireny! satria nandositra Ahy izy, haringana izy! satria niodina tamiko; Izaho ta-hanavotra azy, fa izy kosa dia lainga no entiny milaza Ahy. **14** Ary tsy mitaraina amiko ao am-pony izy, fa midradradradra foana ao am-pandriany; Mitangorona hitady vary sy ranom-boaloboka izy, dia miodina miala amiko. **15** Ary Izaho no nampianatra sy nanatanjaka ny sandriny, nefa izy kosa dia misaintsaindratsy Ahy, **16** Miverina ihany izy, nefa tsy ho amin' ny Avo; Tonga tahaka ny tsipìka manjiona izy; Ho lavon-tsabatra ny mpanapaka azy noho ny firehitry ny lelany; Izany no ho latsany any amin' ny tany Egypta.

8 Ataovy eo am-bavanao ny anjomara! Fa hisy toy ny voromahery hipaoka ny tranon' i Jehovah, satria efa nivadika ny fanekeko sy nandika ny lalàko ireo. **2** Izaho dia hitarainany hoe: Andriamanitro ô, izahay Isiraely mahalala Anao. **3** Ataon' ny Isiraely ho zavatra maharikoriko ny soa; Ny fahavalo no hanenjika azy. **4** Ireny dia nanangana mpanjaka nefa tsy avy tamiko; Nifidy mpanapaka izy, nefa tsy fantatro; Ny volafotsiny sy ny volamenany no nataony sampiny mba hamongorana azy. **5** Maharikoriko ilay ombilahy kelinao, ry Samaria; Mirehitra aminareo ny fahatezerako; Mandra-pahoviana no tsy ho tohanareo ny fahadiovana? **6** Fa avy tamin' ny Isiraely koa izany; Ny mpiasa no nanao azy, ka dia tsy Andriamanitra izy, fa ho torotoro ilay ombilahy kelin' i Samaria. **7** Fa rivotra no nafafiny, ary tadio no hojinjany; Tsy misy vary mitsangana, ny salohiny tsy hisy ventiny; Ary raha tàhiny hisy aza, dia ny olona hafa firenena no hihinana azy. **8** Voatelina Isiraely; Ankehitriny dia efa tonga tahaka ny fanaka tsy mahafinaritra izy any amin' ny jentilisa. **9** Fa niakatra ho any Asyria izy Toy ny borikidia mandeha irery; Efraima dia nanangy ireo lehilahiny **10** Ary na dia nanangy tany amin' ny jentilisa aza izy, dia hovoriko ankehitriny; Ary hihavitsy izy noho ny entan' ny mpanjakan' ireo mpanapaka. **11** Fa Efraima nanao alitara maro hanotana, eny, efa nahazo alitara hanotana izy. **12** Na dia soratako ho azy ny teny betsaka amin' ny lalàko aza, dia ataony ho toy ny zavatra tsy izy izany. **13** Mamono zavatra hatao fanatitra ho Ahy izy, eny, mihinana ny henan' izany, nefa tsy sitrak' i Jehovah izany; Ankehitriny dia hotsarovany ny fahotany, ary hovaliany ny helony; Eny, izy ireny dia hiverina ho any Egypta. **14** Efa nanadino ny Mpanao azy Isiraely ka nanorina trano vaventy, ary Joda nanamaro tanàna mimanda; Fa haterako afo ao an-tanànany, ka holevonin' izany ny trano vaventiny.

9 Aza dia fatra-pifaly loatra, toy ny firenena hafa, ry Isiraely; Fa ianao efa nijangajanga niala tamin' Andriamanitrao sady efa tia tangy teny am-pamoloana rehetra; **2** Ny famoloana sy ny fanantazana tsy hahavelona azy, ary hahadiso fanantenana azy ny ranom-boaloboka. **3** Tsy honina ao amin' ny tanin' i Jehovah izy; Fa Efraima hiverina ho any Egypta ary hihinana zava-padina any Asyria. **4** Tsy hanidina divay ho fanatitra ho an' i Jehovah izy, ary tsy hankasitrahany; Ny zavatra vonoiny hatao fanatitra dia ho toy ny fahan-kanina ho an' ny mpisaona aminy: Izay rehetra homana izany dia voaloto; Fa ny haniny dia ho an' ny tenany ihany, fa tsy ho tafiditra ao an-tranon' i Jehovah. **5** Hanao ahoana kosa re ianareo, raha mby amin' ny fotoam-pivavahana sy amin' ny andro firavoravoana voatendrin' i Jehovah? **6** Fa he! lasa izy noho ny fandringanana; Egypta no hanangona azy, Memfisa no handevina azy; Ny fanabolafotsiny mahafinaritra dia ho lasan' ny amiana, tsilo no ho ao an-dainy. **7** Tonga ireo andro famaliana, tonga ireo andro fanodiavana Ho fantatr' Isiraely fa adala ny mpaminany, ary very saina ny olona tsindriam-panahy noho ny hamaroan' ny helokao sy ny habetsahan' ny fanoherana. **8** Efraima dia mizaha, nefa tsy avy amin' Andriamanitro; Ny mpaminany dia fandriky ny mpamandri-borona eny amin' ny alehany rehetra sy fanoherana ao an-tranon' Andriamaniny. **9** Fatra-panao ratsy toy ny tamin' ny andro tany Gibea izy; Ka dia hotsarovana ny helony, ary hovaliana ny fahotany. **10** Tahaka ny fahitana voaloboka any an-efitra no nahitako ny Isiraely, toy ny fahitana aviavy mialin-taona no nahitako ny razanareo; Nefa ireny dia tonga tany Bala-peora ka nanolo-tena ho amin' ilay mampahamenatra, ka dia tonga

fahavetavetana tahaka an' ilay tiany ihany izy. **11** Ny amin' i Efraima, hihelina toy ny voro-manidina ny voninahiny, ka tsy hisy hiteraka, na hanan' anaka, na ho torontoronina. **12** Na dia misy mitaiza zanaka aza izy, dia hofoanako ihany ireny, ka tsy hisy miangana; Eny, hahita loza koa izy amin' ny handaozako azy! **13** Efraima, raha araka ny hitako, dia voavoly ao amin' ny tany mahafinaritra tahaka an' i Tyro, nefa tsy maintsy mamoaka ny zanany ho amin' ny mpamono izy. **14** Jehovah ô, omeo azy — inona no homenao azy? Omeo azy ny kibo tsy mahazo zaza sy ny nono ritra. **15** Ao Gilgala ny fahotany rehetra, eny, tao no vao nankahalako azy; Noho ny faharatsian' ny ataony dia horoahiko hiala ao an-tranoko izy; Tsy ho tia azy intsony Aho, mpiodina avokoa ny mpanapaka azy. **16** Voaratra Efraima, maina ny fakany, ka tsy hamoa izy; Eny, na dia miteraka aza izy, dia hovonoiko ny zanany mahafinaritra azy. **17** Harian' Andriamanitro izy, satria tsy nihaino Azy; Ka dia ho tonga mpirenireny any amin' ny jentilisa izy.

10 Voaloboka misandrahaka Isiraely, mamoa ho azy izy; Araka ny habetsahan' ny voany no nanaovany alitara betsaka, araka ny hatsaran' ny taniny no nanaovany tsangam-baton-tsampy tsara tarehy. **2** Mamitaka ny fony, koa dia hovaliana izy izao noho ny helony; Jehovah no hanimba ny alitarany sy handrava ny tsangam-baton-tsampiny **3** Amin' izany dia hiteny izy hoe: Tsy manampanjaka isika; Fa tsy natahorantsika Jehovah, koa hahavita inona ho antsika moa izay mpanjaka? **4** Niteniteny foana izy tamin' ny nianianany tsy tò sy ny nanaovany fanekena; Ka nitrebona toy ny zava-mangidy eny ambavasa eny an-tsaha ny rariny. **5** Ny mponina any Samaria matahotra noho ny amin' ny ombivavy kely ao Betavena; Fa ny olony mitomany azy, **6** Iny koa ho entina any Asyria ho fanomezana ho an' i Jareba mpanjaka; Ho afabaraka Efraima, eny, hangaihay Isiraely noho ny saina nataony. **7** Ho rava Samaria, ny mpanjakany dia ho tonga toy ny sombin-javatra eny ambonin' ny rano. **8** Ary ho rava koa ny fitoerana avo ho Avena, izay anotan' Isiraely; Ho rakotry ny tsilo sy ny ahitra ratsy ny alitarany; Ary izy hanao amin' ny tendrombohitra hoe: sarony izahay, ary amin' ny havoana hoe: Mianjerà aminay. **9** Hatramin' ny andro fony tany Gibea no efa nanotanao, ry Isiraely; Nikikitra tany izy; Tsy nahatratra azy tany Gibea ny ady namelezana ny zanaky ny faharatsiana. **10** Araka ny sitrako no hamaizako azy; Ary hovorina hamely azy ny firenena, amin' ny hamatorana azy noho ny helony roa loha. **11** Ary Efraima dia tahaka ny ombivavy kely efa voafolaka ka faly hively vary; Ary hasiako zioga ny vozony tsara tarehy; Hampandehaniko Efraima; Joda hiasa tany, ary Jakoba handravona. **12** Mamafaza ho anareo araka ny fahamarinana, mijinjà araka ny fitiavana, hevoy ny tombam-borakareo; Fa izao no andro hitadiavana an' i Jehovah ambara-pihaviny sy handatsahany fahamarinana aminareo. **13** Niasa faharatsiana ianareo, ka fahadisoana no nojinjanareo; Nihinana ny vokatry ny lainga ianareo fa nitoky tamin' ny alehanareo sy ny habetsahan' ny lehilahy maherinareo ianareo. **14** Dia hisy tabataba hamelezana ny olonareo, ka horavana ny tanànareo mimanda rehetra, toy ny nandravan' i Salamana an' i Bet-arbela tamin' ny andro niadiana, ka torotoro avokoa ny reniny mbamin' ny zanany. **15** Toy izany no hataon' i Betela aminareo, noho ny haben' ny faharatsianareo; Raha maraina ny andro, dia ho levona mihitsy ny mpanjakan' ny Isiraely.

11 Fony mbola zaza Isiraely, dia tiako izy, ary nantsoiko hiala tany Egypta ny zanako. **2** Nony nisy niantso azy, dia vao mainka nandositra ireny izy; Ho an' ireo Bala kosa no amonoany zavatra hatao fanatitra, ary ho an' ny sarin-javatra voasokitra no andoroany ditin-kazo manitra. **3** Fa Izaho no nampianatra an' i Efraima handeha. Eny, notrotroiko tamin' ny sandriko aza izy. Nefa tsy fantany fa Izaho no nahasitrana azy. **4** Tamin' ny kofehy fitarihana olona no nitarihako azy, dia tamin' ny mahazakan' ny fitiavana; Ary efa toy izay manainga ny fehim-bava eo ambonin' ny valanoranony Aho ka nanolo-kanina azy tsimoramora. **5** Tsy hiverina ho any amin' ny tany Egypta izy, fa Asyria no ho mpanjakany, satria tsy nety nibebaka izy. **6** Ary noho ny fisainany dia hisy sabatra hantsodina ao an-tanànany ka handrava sy handevona ny hidiny. **7** Minia miodina amiko ny oloko; Ary na dia antsoiny ho amin' ny Avo aza izy, samy tsy mety miainga akory. **8** Hataoko ahoana e no fahafoy anao, ry Efraima, na ho fanolotra anao, ry Isiraely! Hataoko ahoana e no fanao anao ho tahaka an' i Adma! Hataoko ahoana e no fametraka anao ho tahaka an' i Zeboïma! Onena ny foko, mafy loatra ny alaheloko. **9** Tsy hanontolo fo Aho, na handringana an' i Efraima intsony; Fa Andriamanitra Aho, fa tsy olona, dia ny Iray Masìna ao aminao, ka dia tsy ho avy amim-pahatezerana mirehitra Aho. **10** Harahin' ireny Jehovah, hierona toy ny liona Izy; Eny, Izy no hierona, dia hanatona amin-kovitra avy any andrefana ny zanaka. **11** Hanatona amin-kovitra avy any Egypta toy ny voronkely izy, ary avy any amin' ny tany Asyria toy ny voromailala; Ka dia hampitoeriko ao an-tranony izy, hoy Jehovah. **12** Efraima manodidina Ahy amin' ny lainga, ary ny taranak' Isiraely amin' ny fitaka; Ary Joda mbola mikarenjy tsy manatona an' Andriamanitra, dia ny Iray Masìna sy Mahatoky.

12 Efraima homan-drivotra sady manenjika ny rivotra avy any atsinanana, mandritra ny andro dia ataony betsaka ny lainga sy ny fandozana; Manao fanekena amin' ny Asyriana izy, ary diloilo no entina ho any Egypta. **2** Manana ady amin' i Joda koa Jehovah ary tsy maintsy mamaly an' i Jakoba araka ny alehany, ka hatsingeriny aminy ny nataony. **3** Fony mbola tany am-bohoka dia nihazona ny ombelahin-tongotry ny rahalahiny izy, ary rehefa lehibe izy, dia nitolona tamin' Andriamanitra; **4** Eny, nitolona tamin' Ilay Anjely izy ka nahery; Nitomany izy sady nifona taminy; Nahita azy tao Betela Izy, ary tao no niresahany tamintsika; **5** Jehovah, Andriamanitry ny maro, Jehovah no hahatsiarovana Azy. **6** Koa miverena amin' Andriamanitrao ianao; Tandremo ny famindram-po sy ny rariny. Ary miandrasa an' Andriamanitrao mandrakariva. **7** Kanana eny an-tànany misy mizana miangatra, ny manambaka no tiany. **8** Fa hoy Efraima: Fiharian-karena

ihany no efa nataoko, nahazo fananana aho; Ny asako
rehetra tsy misy hahatonga fahotana na heloka amiko. **9**
Nefa Izaho no Jehovah Andriamanitrao hatrany amin' ny
tany Egypta; Ary mbola hampiditra anao an-day indray
Aho tahaka ny tamin' ny fotoam-pivavahana. **10** Efa niteny
tamin' ny mpaminany koa Aho, sady Izaho no nahabetsaka
ny fahitana, ary ny mpaminany dia nampilazaiko ohatra.
11 Raha tena heloka Gileada, dia ho tonga zava-poana
tokoa izy; Tany Gilgala no namonoany omby betsaka ho
fanatitra, koa ny alitarany dia ho toy ny korontam-bato eny
am-bavasa any an-tsaha. **12** Jakoba nandositra ho any
amin' ny tany Syria, Isiraely nanompo hahazoany vady,
eny, ny hahazoany vady no niandrasany ondry aman' osy.
13 Mpaminany no nentin' i Jehovah nitondra ny Isiraely
nivoaka avy tany Egypta, ary mpaminany koa no nentina
niahy azy **14** Nanao izay nahatezitra indrindra Efraima,
ka dia havelan' ny Tompony ho eo aminy ny ràny, ary
hatsingeriny aminy ny vava ratsy nataony.

13 Raha niteny Efraima, dia nampangorohoro, ka
nisandratra tao amin' ny Isiraely izy. Dia nanota ny
amin' i Bala izy ka maty; **2** Ary ankehitriny dia mandroso
manota izy, fa ny volafotsiny no anaovany sarin-javatra an-
idina ho azy, dia sampy araka ny fahaizany, izay asan' ny
mpiasa avokoa; Ireny dia lazainy hoe: Aoka hanoroka ny
ombilahy kely izay olona mamono zavatra hatao fanatitra.
3 Koa ho toy ny rahona maraina izy sy ho toy ny andro
izay levona, raha mbola maraina ny andro, sy ho toy ny
akofa izay paohin' ny rivotra hiala amin' ny fa noloana, ary
ho toy ny setroka avy amin' ny varavarana makarakara.
4 Fa Izaho no Jehovah Andriamanitrao hatrany amin'
ny tany Egypta, ary tsy mahalala Andriamanitra afa-tsy
Izaho ianao, sady tsy misy mpamonjy afa-tsy Izaho. **5**
Izaho dia nahalala anao tany an-efitra, dia tany amin' ny
tany mampangetaheta. **6** Araka ny ahitra teny aminy no
nahavoky azy; Eny, voky izy, ka niavonavona ny fony; Koa
izany no nanadinoany Ahy. **7** Ka dia tonga toy ny liona
aminy Aho, toy ny leoparda amoron-dalana no famitsako. **8**
Mamely azy toy ny famelin' ny bera very anaka Aho, ka
mandriatra ny sarom-pony, eny, any no andrapahako azy toy
ny fandrapaky sy liom-bavy; Ny bibi-dia no hamiravira azy.
9 Izao no maharingana anao, ry Isiraely ô; Manohitra Ahy
Izay famonjena anao ianao. **10** Aiza ary izay mpanjakanao,
Mba hamonjy anao ao an-tanànanao rehetra? Ary aiza ireo
andriambaventinao, izay nantsoinao hoe: Omeo mpanjaka
sy mpanapaka aho? **11** Nomeko mpanjaka ianao tamin'
ny fahatezerako, ary nesoriko izy tamin' ny fahavinirako.
12 Voafehy ny helok' i Efraima, voatahiry ny fahotany.
13 Fanaintainana tahaka ny vehivavy raha miteraka no
mahazo azy; Zazalahy tsy hendry izy, fa raha tonga ny
fotoana, dia tsy mba mandroso ho eo amin' ny fiterahan-
jaza izy. **14** Havotako tsy ho azon' ny herin' ny fiainan-tsi-
hita izy; Hovonjeko ho afaka amin' ny fahafatesana Izy;
Ry fahafatesana ô, aiza ny aretina fandripahanao? Ry
fiainan-tsi-hita ô, aiza ny fandringananao? Afenina tsy ho
hitan' ny masoko ny nenina. **(Sheol h7585)** **15** Fa Efraima
dia hahavokatra eo amin' ny rahalahy; Nefa ho avy ny
rivotra avy any atsinanana, dia ny rivotr' i Jehovah miakatra
avy any an-efitra, ka dia ho ritra ny loharanony, ary ho
tankina ny fantsakany; Hobaboina ny rakitra, dia ny fanaka
tsara rehetra. **16** Hovaliana Samaria noho ny helony, Fa
niodina tamin' Andriamaniny izy; Ho lavon-tsabatra izy,
ny zanany madinika hotorotoroina, ary izay bevohoka eo
aminy hotatahana.

14 Ry Isiraely ô, miverena amin' i Jehovah
Andriamanitrao, fa lavon-keloka ianao. **2** Mitondrà
teny ianareo, eny, miverena amin' i Jehovah, ka manaova
aminy hoe: Mamelà ny heloka rehetra, ary raiso izay tsara,
ka dia haterinay ho fanatitra ny molotray. **3** Asyria tsy
hamonjy anay, tsy hitaingin-tsoavaly izahay sady tsy hiteny
amin' ny asan' ny tananay intsony hoe: Ry Andriamanitray
ô; Fa ao aminao no ahitan' ny kamboty famindram-po. **4**
Hositraniko ny fiodinany, ho tia azy tsy vozonana Aho; Fa
efa niala taminy ny fahatezerako. **5** Ho tahaka ny ando Aho
amin' ny Isiraely; Hamony tahaka ny lilia izy, ary hamaka
tahaka an' i Libanona. **6** Hisandrahaka ny rantsany, ho
tahaka ny an' ny hazo oliva ny hatsaran-tarehiny, ary ho
tahaka ny an' i Libanona ny hanitra avy aminy. **7** Izay
mipetraka ao ambanin' ny alokalony dia hampahavokatra
vary indray, ary haniry tahaka ny voaloboka izy; Ny lazany
ho tahaka ny an' ny divay avy any Libanona. **8** Ry Efraima
ô, hataoko inona intsony izay sampy? Izaho dia efa nihaino
ka nitsinjo anao; Tahaka ny hazo kypreso maitso Aho, avy
amiko no hahazoana ny vokatrao. **9** Iza no hendry mba
hahafantatra izany zavatra izany? Na manan-tsaina mba
hahalala izany? Fa mahitsy ny lalan' i Jehovah, ary ny
marina no mizotra eny aminy; Fa ny mpanota kosa dia
tafintohina eny aminy.

Joela

1 Ny tenin' i Jehovah, izay tonga tamin' i Joela, zanak' i Petoela. **2** Henoy izao, ry anti-panahy! Ary mandrenesa, ianareo mponina rehetra amin' ny tany! Moa mba efa nisy tamin' ny andronareo na tamin' ny andron' ny razanareo, va izao? **3** Lazao amin' ny zanakareo izao, ary aoka ny zanakareo hilaza amin' ny zanany kosa, ary ny zanak' ireo kosa indray amin' ny taranaka mandimby azy. **4** Izay sisan' ny kijeja dia nohanin' ny koraika; Ary izay sisan' ny koraika dia nohanin' ny valalavao: Ary izay sisan' ny valalavao dia nohanin' ny sompanga. **5** Mifohaza, ianareo mpimamo, ka mitomania, eny, midradradradrà, ianareo mpisotro divay rehetra, noho ny ranom-boaloboka, satria tapaka tsy ho amin' ny vavanareo izany. **6** Fa misy firenena mahery sady tsy hita isa miakatra hamely ny taniko; Ny nifiny dia nifindiona, ary ny vazany dia vazan' ny liom-bavy. **7** Nataony simba tokoa ny voaloboko, ary notapatapahiny ny aviaviko; Nataony nakiky tokoa ireny ka nariany, eny, tonga fotsy ny rantsany. **8** Midradradradrà toy ny virijina misikindamba fisaonana noho ny amin' ny vadin' ny fahatanorany. **9** Efa tapaka tsy ho ao amin' ny tranon' i Jehovah ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra aidina; Mitomany ny mpisorona, mpanao fanompoam-pivavahana ho an' i Jehovah. **10** Mariry ny saha, misaona ny tany fambolena; Fa simba ny vary, ritra ny ranom-boaloboka, mihena ny diloilo. **11** Aoka ho menatra ianareo mpiasa tany; midradradradrà, ianareo mpamboatra tanim-boaloboka, noho ny vary tritika sy ny vary hordea; Fa majifa ny vokatry ny saha; **12** Maina ny voaloboka, malazo ny aviavy, ary malazo koa ny ampongabendanitra sy ny rofia ary ny poma aza, dia ny hazo rehetra any an-tsaha; Eny, malazo ny fifalian' ny zanak' olombelona. **13** Misikìna sy mitomania, ianareo mpisorona; midradradradrà, ianareo mpanao fanompoam-pivavahana eo amin' ny alitara; Andeha mandry amin' ny lamba fisaonana mandritra ny alina, ianareo mpanao fanompoam-pivavahana ho an' Andriamanitro, fa tapaka tsy ho ao amin' ny tranon' Andriamanitra ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra aidina. **14** Manamasìna andro fifadian-kanina, miantsoa fivoriana masìna, angòny ny loholona sy ny mponina rehetra amin' ny tany ho ao an-tranon' i Jehovah Andriamanitrareo, koa andeha mitaraina amin' i Jehovah. **15** Indrisy ny andro! Fa efa antomotra ny andron' i Jehovah, ka tahaka ny loza tsy toha avy amin' ny Tsitoha no fihaviny. **16** Moa tsy efa tapaka teo imasontsika va ny hanina, eny, ny fifaliana sy ny faharavoravoana tsy ho ao an-tranon' Andriamanitsika? **17** Matimaso ao ambanin' ny baingan-tany ny vary nafafy, foana ny sompitra, mirodana ny trano fitehirizam-bary; Fa nalazo ny vary. **18** Indrisy, ny fitoreon' ny biby! Very hevitra ny omby andiany, satria tsy misy ahitra ho azy; Eny, na dia ny andian' ny ondry aman' osy aza dia mijaly noho ny heloka. **19** Jehovah ô, Hianao no itarainako, fa efa levon' ny afo ny kijana any an-efitra, ary nisy lelafo efa nandoro ny hazo rehetra any an-tsaha. **20** Na dia ny biby any an-tsaha aza dia mihanahana miandrandra Anao, satria ritra ny renirano, ary efa levon' ny afo ny kijana any an-efitra.

2 Tsofy ao Ziona ny anjomara! Ary miantsoa mafy ao an-tendrombohitro masìna! Aoka hangovitra ny mponina rehetra amin' ny tany; Fa avy ny andron' i Jehovah, eny, efa antomotra izany, **2** Dia andro maizina sy manjombona, andro mandrahona sy maizim-pito, toy ny fahazavan' ny maraina miely manerana ny tendrombohitra, dia firenena lehibe sy matanjaka, ka tsy nisy tahaka azy hatrizay hatrizay, sady tsy hisy tahaka azy intsony any aoriany hatramin' ny taonan' ny taranaka fara mandimby. **3** Eo alohany misy afo mandevona, ary any aoriany misy lelafo mandoro; Tahaka ny saha Edena ny tany eo alohany, fa ny any aoriany kosa dia tahaka ny efitra foana, eny, tsy misy tsy azony. **4** Mitarehin-tsoavaly ny tarehiny; Ary tahaka ny firiotry ny mpitaingin-tsoavaly ny firiotrany. **5** Tahaka ny figorodon' ny kalesy any an-tampon' ny tendrombohitra no figorodon' ny fitsambikimbikiny, sy tahaka ny fipororotry ny lelafo eny amin' ny hain-tanety, ary tahaka ny firenena mahery voalamina hiady. **6** Eo anoloany dia raiki-tahotra indrindra ny firenena; Ny tarehy rehetra mivaloarika; **7** Mitsarapaka tahaka ny lehilahy mahery izy ary mananika ny manda tahaka ny mpiady, samy mandroso amin' izay hitsiny ka tsy vaky laharana; **8** Tsy mifanosika izy, fa samy mandroso amin' izay hitsiny; Ary na dia miezaka mamaky ny sabatra aza izy, dia tsy voaratra. **9** Mifamoivoy eran' ny tanàna izy, mihazakazaka eny amin' ny manda izy, mananika ny trano izy, miditra ao am-baravarankely toy ny mpangalatra izy. **10** Eo alohany dia mihorohoro ny tany, ary mihozongozona ny lanitra; Ny masoandro sy ny volana tonga maizina, ary ny kintana tsy mamirapiratra. **11** Ary Jehovah mahatonga kotroka eo alohan' ny miaramilany; Fa lehibe indrindra ny tobiny ary mahery izay manatanteraka ny teniny; Fa lehibe sy mahatahotra indrindra ny andron' i Jehovah, ka iza no mahatanty izany? **12** Koa na dia ankehitriny aza, hoy Jehovah, miverena amiko amin' ny fonareo rehetra ary amin' ny fifadian-kanina sy ny fitomaniana ary ny fitarainana. **13** Ary ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary miverena amin' i Jehovah Andriamanitrareo; Fa mamindra fo sy miantra Izy, mahari-po sady be famindram-po ary manenina ny amin' ny loza, **14** Fandrao mba hanenina ihany Izy ka hamela fitahiana ao aoriany, dia fanatitra hohanina sy fanatitra aidina ho an' i Jehovah Andriamanitrareo. **15** Tsofy ao Ziona ny anjomara, ka manamasìna andro fifadian-kanina, miantsoa fivoriana masìna. **16** Angony ny vahoaka, manamasìna fiangonana, vorio ny loholona, angòny ny ankizy madinika mbamin' ny zaza minono; Aoka ny mpampakatra hiala ao an-efi-tranony, ary aoka ny ampakarina hiala ao an-trano fandriany. **17** Eo anelanelan' ny lavarangana fidirana sy ny alitara no aoka hitomanian' ny mpisorona, mpanao fanompoam-pivavahana ho an' i Jehovah, ka hanao hoe: Iantrao ny olonao, Jehovah, ary aza avela ho latsa ny lovanao, ka hotapahin' ny jentilisa; Fa nahoana no hataony any amin' ny firenena hoe: Aiza Izay Andriamaniny? **18** Ary Jehovah dia saro-piaro ny taniny sady niantra ny olony. **19** Eny, Jehovah namaly

ka nanao amin' ny olony hoe: Indro, hanatitra ny divay sy ny ranom-boaloboka ary ny diloilo ho anareo Aho, ka ho vokin' izany ianareo; Ary tsy havelako ho latsa any amin' ny Jentilisa intsony ianareo. **20** Ary ilay avy any avaratra dia hampanalaviriko anareo ka horoahiko ho any amin' ny tany karankaina sy mariry; Ny loha-lalany ho any amin' ny ranomasina atsinanana, ary ny vodi-lalany ho any amin' ny ranomasina andrefana; Ary ny hamaimboany hiakatra, ary ny fofon-dratsiny hisondrotra; Fa efa nanao zava-dehibe izy. **21** Aza matahotra, ry tany fambolena, miravoravoa sy mifalia; Fa manao zava-dehibe Jehovah. **22** Aza matahotra, ry biby any an-tsaha, fa mihamaitso ny kijana any an-efitra, mamoa ny hazo, ary vokatra ny aviavy sy ny voaloboka. **23** Ary ianareo, ry zanak' i Ziona, miravoravoa sy mifalia amin' i Jehovah Andriamanitrareo; Fa hanome anareo ny loha-orana onony Izy, dia handatsaka ranonorana mivatravatra ho anareo, eny, ny loha-orana sy ny fara-orana aloha. **24** Dia ho feno vary ny famoloana, ary hihoatra ny vata fanantazana ny divay sy ny diloilo. **25** Ary honerako ho anareo ilay taona nohanin' ny valala, dia ny koraika sy ny sompanga ary ny kijeja, izay miaramilako betsaka nalefako hamely anareo. **26** Ary hihinana ianareo ka ho voky dia hidera ny anaran' i Jehovah Andriamanitrareo, fa mahagaga ny fitondrany anareo; Ary tsy ho menatra mandrakizay oloko. **27** Dia ho fantatrareo fa ao afovoan' Isiraely Aho, ary Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, fa tsy misy hafa; Ary tsy ho menatra mandrakizay ny oloko. **28** Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin' ny nofo rehetra Aho; Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana; **29** Ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny Fanahiko amin' izany andro izany. **30** Ary hanisy fahagagana eny amin' ny lanitra sy etỳ amin' ny tany Aho, dia rà sy afo ary setroka mitankosina. **31** Ny masoandro hampodina ho aizina, ary ny volana ho rà, alohan' ny hahatongavan' ny andron' i Jehovah, izay sady lehibe no mahatsiravina. **32** Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran' i Jehovah dia ho afa-mandositra; Fa ao an-tendrombohitra Ziona sy any Jerosalema dia hisy sisa afaka, araka izay efa voalazan' i Jehovah, ary izay antsoin' i Jehovah dia ho isan' izay afa-mandositra.

3 Fa, indro, amin' ireo andro ireo sy amin' izany fotoana izany, raha hampodiko ny Joda sy Jerosalema avy amin' ny fahababoany, **2** Dia hangoniko ny jentilisa rehetra ka ho entiko midìna ao amin' ny Lohasahan' i Josafata, ary ao no hifandaharako aminy noho ny amin' ny Isiraely, oloko sy lovako, izay naeliny tany amin' ny jentilisa; Ary nozarazarainy ny taniko, **3** Sady nanaovany loka ny oloko, dia zazalahy no nataony takalon' ny vehivavy janga, ary zazavavy no namidiny divay ka nosotroiny. **4** Ary ianareo koa, ry Tyro sy Sidona, sy ry tany Filistia rehetra, moa mampaninona Ahy akory ianareo? Hamaly Ahy va ianareo, sa hanahoana Ahy? Faingana dia faingana no hanatsingerenako ny nataonareo ho eo an-dohanareo, **5** Noho ny natanareo ny volafotsiko sy ny volamenako, sy ny nitondranareo ny zava-tsoako mahafinaritra ho ao amin' ny tempolinareo; **6** Ary ny zanak' i Joda sy ny zanak' i Jerosalema dia namidinareo tamin' ny zanaky ny Grika, hamindranareo azy hanalavitra ny taniny. **7** Indro, hofohaziko izy hiala ny amin' ny tany Izay nahaverezany noho ny nahalafosanareo azy, ary hatsingeriko ho eo an-dohanareo ny nataonareo, **8** Ka hamidiko ho lasan' ny zanak' i Joda kosa ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ary hamidiny amin' ny Sabeana kosa ireny, dia ho an' izay firenena lavitra; Fa Jehovah no efa niteny. **9** Antsoy any amin' ny jentilisa izany, miantsoa hanao ady masìna, fohazy ny lehilahy mahery, aoka handroso ny mpiady rehetra ka hiakatra; **10** Tefeo ho sabatra ny fangadinareo, ary ho lefona ny antsinareo fanetezam-boaloboka; Aoka izay kelikely aina hihiaka hoe: Mahery aho! **11** Avia faingana, ianareo jentilisa rehetra avy eny manodidina eny, dia ento midìna ao ny maherinao, Jehovah ô. **12** Hifoha ny jentilisa ka hiakatra ho ao amin' ny Lohasahan' i Josafata; Fa ao no hipetrahako hitsara ny jentilisa rehetra avy eny manodidina eny. **13** Arosoy ny fijinjana, fa masaka ny vokatra; Avia ianareo, ka manosihose, fa feno ny famiazam-boaloboka, mihoatra ny vata fanantazana, fa be ny faharatsiany. **14** He izany vahoaka mireondreona ao amin' ny lohasaha fitsarana! Fa efa antomotra ny andron' i Jehovah ao amin' ny lohasaha fitsarana. **15** Ny masoandro sy ny volana ho tonga maizina, ary ny kintana tsy hamirapiratra, **16** Jehovah mierona ao Ziona, ary mampikotroka ao Jerosalema, ka hihorohoro ny tany aman-danitra; Fa Jehovah no fialofan' ny olony sy fiarovana mafy ho an' ny Zanak' Isiraely. **17** Ary dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, Izay monina ao Ziona, tendrombohitro masìna; Dia ho masìna Jerosalema, ary ny hafa firenena tsy mba handeha hamaky eo intsony. **18** Amin' izany andro izany dia hipoipoitra ranom-boaloboka ny tendrombohitra, handriaka ronono ny havoana, ho feno rano ny lohasahan-driak' i Joda rehetra, ary hisy loharano hivoaka avy ao an-tranon' i Jehovah ka handena ny lohasahan-driak' i Sitima. **19** Egypta kosa ho tonga tany lao, ary Edoma ho efitra foana, noho ny fampahoriana ny taranak' i Joda, dia ny nandatsahany rà marina teo amin' ny taniny. **20** Fa Joda honenana mandrakizay, ary Jerosalema hatramin' ny taranaka fara mandimby. **21** Ary hamaly ny rà marina izay tsy mbola novaliako Aho; Fa Jehovah monina ao Ziona.

Amosa

1 Ny tenin' i Amosa, izay isan' ny mpiandry ondry tao Tekoa, dia izay hitany ny amin' ny Isiraely tamin' ny andro nanjakan' i Ozia, mpanjakan' ny Joda, sy tamin' ny andro nanjakan' i Jeroboama, zanak' i Joasy, mpanjakan' ny Isiraely, roa taona talohan' ny horohorontany. **2** Ary hoy izy: Jehovah mierona ao Ziona ary mampikotroka any Jerosalema; Ny saha fiandrasana ondry dia mitomany ary maina ny tampon' i Karmela. **3** Izao no lazain' i Jehovah: Noho ny fahotana telon' i Damaskosy, eny, efatra aza, dia tsy havelako izy, satria kodia vy no nivelezany an' i Gileada; **4** Fa haterako afo ny tranon' i Hazaela, ka handevona ny tranoben' i Beni-hadada izany. **5** Hotorotoroiko koa ny hidin' i Damaskosy, ary hofoanako tsy hisy mponina ny lohasahan' i Avena, ary Bet-edena tsy hisy hitana tehina fanapahana; Ary ny vahoakan' i Syria dia ho lasan-ko babo any Kira, hoy Jehovah. **6** Izao no lazain' i Jehovah: Noho ny fahotana telon' i Gaza, eny, efatra aza, dia tsy havelako izy, satria lasany ho babo avika ny olona hatolony ho any Edoma; **7** Fa haterako afo ny mandan' i Gaza, ka handevona ny tranobeny izany; **8** Ary hofoanako Asdoda tsy hisy mponina, ary Askelona tsy hisy hitana tehina fanapahana; Dia haveriko ny tanako hamely an' i Ekrona, ka ho faty izay sisa amin' ny Filistina, hoy Jehovah Tompo **9** Izao no lazain' i Jehovah: noho ny fahotana telon' i Tyro, eny efatra aza, dia tsy havelako izy, satria natolony ho any Edoma ny babo rehetra, ary tsy notsarovany ny fanekempirahalahiana; **10** Fa haterako afo ny mandan' i Tyro, ka handevona ny tranobeny izany **11** Izao no lazain' i Jehovah: noho ny fahotana telon' i Edoma, eny, efatra aza, dia tsy havelako izy, satria nanenjika ny rahalahiny tamin' ny sabatra izy, ka nofoanany ny fiantrany, ny fahatezerany dia namiravira mandrakariva, ary ny fahavinirany notehiriziny lalandava; **12** Fa haterako afo ao Temana, ka handevona ny tranoben' i Bozra izany **13** Izao no lazain' i Jehovah: noho ny fahotana telon' ny taranak' i Amona, eny, efatra aza, dia tsy havelako izy, satria notatahany izay bevohoka tao Gileada, hanitarany ny fari-taniny; **14** Fa hampirehitra afo ao amin' ny mandan' i Raba Aho, ka handevona ny tranobeny izany, sady hisy akora amin' ny andro iadiana sy rivo-mahery amin' ny andron' ny tadio; **15** Dia ho lasan-ko babo ny mpanjakany mbamin' ireo mpanapaka rehetra ao aminy, hoy Jehovah.

2 Izao no lazain' i Jehovah: Noho ny fahotana telon' i Moaba, eny, efatra aza, dia tsy havelako izy, satria nodorany ho sokay ny taolan' ny mpanjakan' i Edoma; **2** Fa hataoko afo ao Moaba, ka handevona ny tranoben' i Kiriota izany; Ary Moaba ho faty amin' ny tabataba sy amin' ny akora ary ny fanenon' ny anjomara; **3** Ary hofoanako tsy hisy mpitsara ao aminy, ary hiaraka hovonoiko izy sy ireo mpanapaka rehetra ao aminy, hoy Jehovah. **4** Izao no lazain' i Jehovah: Noho ny fahotana telon' i Joda, eny, efatra aza, dia tsy havelako izy, satria nataony tsinontsinona ny lalàn' i Jehovah, ary ny didiny tsy notandremany, ary nampahadiso azy ny laingany, izay fanaon' ny razany; **5** Fa haterako afo ao Joda, ka handevona ny tranoben' i Jerosalema izany. **6** Izao no lazain' i Jehovah: Noho ny fahotana telon' Isiraely, eny, efatra aza, dia tsy havelako izy, satria namidiny volafotsy ny olona marina sy kapa iray lomisy ny malahelo, **7** Ary mihanahana mitsiriritra ny vovotany eo an-dohan' ny malahelo izy sady mamily ny alehan' ny mpandefitra, ary olona mianaka dia samy mandry amin' ny zazavavy iray ihany mba handoto ny anarako masìna; **8** Amin' ny lamba azony tamin' ny tsatòka izy no mitsilailay eny anilan' ny alitara rehetra, ary misotro divay novidina tamin' ny sazy ao an-tranon' ireo andriamaniny izy. **9** Nefa Izaho no nandringana ny Amorita teo anoloany, dia olona izay lava tsanganana toy ny hazo sedera sy natanjaka toy ny ôka; Eny, nosimbako ny voany teny ambony sy ny fatany tao ambany. **10** Ary Izaho no nitondra anareo niakatra avy tany amin' ny tany Egypta sady nitari-dalana anareo efa-polo taona tany an-efitra, mba handovanareo ny tanin' ny Amorita, **11** Ary ny zanakalahinareo nisy natsangako ho mpaminany, ary ny zatovonareo ho Nazirita. Tsy izany va no izy, ry Zanak' Isiraely? hoy Jehovah. **12** Kanjo nampisotroinareo divay ny Nazirita, ary ny mpaminany nararanareo hoe: Aza maminany. **13** Indro, Izaho no hitambesatra aminareo toy ny fitambesatry ny sariety feno amboara. **14** Koa tsy ho afa-mandositra ny faingampandeha, ny mahery tsy hampiseho hery, ary ny lehilahy mahery tsy hahavonjy ny ainy; **15** Izay mitana tsipìka tsy hahajanona, ary ny faingan-tongotra tsy hahavonjy tena, izay mitaingin-tsoavaly tsy hahavonjy ny ainy; **16** Ary na dia izay sahy ao amin' ny mahery aza dia handositra mitanjaka amin' izany andro izany, hoy Jehovah.

3 Henoy izao teny izao, izay lazain' i Jehovah ny aminareo, ry Zanak' Isiraely, dia ny amin' io taranaka rehetra nentiko niakatra avy tany amin' ny tany Egypta io: **2** Hianareo ihany no fantatro tamin' ny firenena rehetra ambonin' ny tany, koa noho izany dia hovaliako ianareo noho ny helokareo rehetra. **3** Ho tafara-dalana va ny roa, raha tsy efa nifanaiky? **4** Mierona any an' ala va ny liona, raha tsy mahita toha? Manerona ao an-davany va ny liona tanora, raha tsy mahazo zavatra? **5** Voan' ny fandrika etỳ an-tany va ny vorona, raha tsy nisy tadivavarana? Mikatona va ny fandrika, raha tsy mahavoa zavatra? **6** Tsofina va ao an-tanàna ny anjomara, ka tsy hatahotra ny vahoaka? Misy loza ao an-tanàna va, raha tsy Jehovah no nahatonga izany? **7** Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin' ny mpaminany mpanompony. **8** Ny liona no mierona, ka iza no tsy hatahotra? Jehovah Tompo no miteny, ka iza no tsy haminany? **9** Ambarao ao an-tranoben' i Asdoda sy ao an-tranobe any amin' ny tany Egypta, ka ataovy hoe: Miangona any an-tendrombohitr' i Samaria ianareo, ary jereo ny tabataba be ao aminy sy ny fampahoriana ao anatiny. **10** Fa tsy mahalala hanao ny marina izy ireo, hoy Jehovah, dia ireo izay mitahiry fandozana sy roba ao an-tranobeny. **11** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo: He, misy fahavalo manodidina ny tany! Hazerany ho afaka

aminao ny herinao, ary hobaboina ny tranobenao. **12** Izao no lazain' i Jehovah: Toy ny famonjin' ny mpiandry ondry ny tongotr' ondry roa na ny sombin-tsofina eny am-bavan' ny liona, dia toy izany no ho famonjy ny Zanak' Isiraely, izay mipetraka ao Samaria, eo an-jorom-parafara sy eo amin' ny lamba fandriandriana avy any Damaskosy. **13** Henoinareo, ka ambarao hamelezana ny taranak' i Jakoba, hoy ny Tompo, Jehovah, Andriamanitry ny maro: **14** Amin' ny andro hamaliako ny Isiraely noho ny fahotana ao aminy no hamaliako ny alitara ao Betela dia hokapaina ny tandroky ny alitara ka hianjera amin' ny tany. **15** Hamely ny trano ririnina sy ny trano fahavaratra Aho; Ary ho rava ny trano ivory, sady ho fongana ny trano maro, hoy Jehovah.

4 Mihainoa izao teny izao, ianareo vantotr' ombivavin' i Basana, izay eny an-tendrombohitr' i Samaria, dia ianareo izay mampahory ny mahantra sy manorotoro ny malahelo ary manao amin' ny vadinareo hoe: Mitondrà hosotrointsika. **2** Jehovah Tompo efa nianiana tamin' ny fahamasinany hoe: Indro, ho avy aminareo ny andro hitarihany anareo amin' ny farango sy izay sisa aminareo amin' ny fintana. **3** Ary avy eo amin' ny banga no hivoahanareo, samy amin' izay hitsiny avy; Ary horoahina ho any Harmona ianareo, hoy Jehovah. **4** Mankanesa any Betela, ka manotà, ary any Gilgala, ka manotà fatratra; Ento isa-maraina ny fanatitrareo alatsa-drà ary isan-kateloana ny fahafolon-karenareo; **5** Mandoroa zavatra misy masirasira ho fanati-pisaorana, ary miantsoa fanati-tsitrapo, eny, ambarao izany! Satria ny toy izany no sitrakareo, ry Zanak' Isiraely, hoy Jehovah Tompo. **6** Fa Izaho dia efa nanome anareo ny mahamavovava tao an-tanànanareo rehetra, sy ny tsi-fahampian-kanina tamin' ny fonenanareo rehetra; Nefa tsy niverina tamiko ihany ianareo, hoy Jehovah. **7** Ary Izaho koa efa nampihantona ny orana tsy ho aminareo, raha mbola telo volana sisa tsy ho fararano, ka tamin' ny tanàna iray no nampilatsahako orana, ary tamin' ny tanàna iray kosa tsy mba nampilatsahako azy; Ny saha iray nilatsahan' ny orana. Ary ny saha iray kosa tsy mba nilatsahany ka maina. **8** Dia nivembena ny tanàna roa aman-telo nitady rano tany amin' ny tanàna iray, kanjo tsy afa-ketaheta izy; Nefa tsy niverina tamiko ihany ianareo, hoy Jehovah. **9** Efa nasiako tamin' ny vary main' ny rivotra sy maty fotsy ianareo; Ny habetsahan' ny tanimbolinareo sy ny tanim-boalobokareo sy ny aviavinareo sy ny hazo olivanareo dia nohanin' ny valala; Nefa tsy niverina tamiko ihany ianareo, hoy Jehovah. **10** Efa naterako areti-mandringana tahaka ny any Egypta ianareo; Novonoiko sabatra ny zatovonareo sady nobaboina koa ny soavalinareo; Ary nampakariko ho eo am-bavoronareo ny hamaimboan' ny tobinareo; Nefa tsy niverina tamiko ihany ianareo, hoy Jehovah. **11** Efa nisy noravako teo aminareo tahaka ny nandravan' Andriamanitra an' i Sodoma sy Gomora, ka efa tahaka ny forohana nosarihana tamin' ny afo ianareo; Nefa tsy niverina tamiko ihany ianareo, hoy Jehovah. **12** Koa izao no hataoko aminao, sy Isiraely, satria hanao izany aminao Aho, dia miomàna hihaona amin' Andriamanitrao, ry Isiraely ô. **13** Fa indro Ilay mamorona ny tendrombohitra sy manao na rivotra ary mampahafantatra ny olombelona izay heviny, dia Ilay mahatonga ny maraina ho aizina ary mandia ny fitoerana avo amin' ny tany: Jehovah, Andriamanitry ny maro, no anarany.

5 Henoinareo izao teny izao, izay entiko milaza anareo, dia hira fahalahelovana, ry taranak' Isiraely; **2** Lavo Isiraely virijina ka tsy hahatsangana intsony; Nazera tamin' ny taniny izy, ka tsy misy mangana azy. **3** Fa izao no lazain' i Jehovah Tompo: Izay tanàna namoaka arivo, dia, indreo, zato monja no sisa: ary izay namoaka zato, dia, indreo, folo monja no sisa ho an' ny taranak' Isiraely. **4** Fa izao no lazain' i Jehovah amin' ny taranak' Isiraely; Tadiavo Aho, dia ho velona ianareo; **5** Fa aza mitady an' i Betela, na mankany Gilgala, ary aza mandroso ho any Beri-sheba; Fa ho babo tokoa Gilgala, ary Betela dia ho tonga tsinontsinona. **6** Mitadiava an' i Jehovah, dia ho velona ianareo; Fandrao hilatsaka toy ny afo mandevona amin' ny taranak' i Josefa Izy, ary Betela tsy hanana izay hahafaty ny afo, **7** Dia ianareo izay mamadika ny rariny ho zava-mahafaty ary mampiongana ny fahamarinana ho eo amin' ny tany. **8** Ilay nanao an' Ikotokelimiadilaona sy ny Telonohorefy, ary mampody ny aloky ny fahafatesana ho maraina sy manamaizina ny andro ho alina, dia ilay miantso ny rano ao an-dranomasina ka mandatsaka azy amin' ny tany: Jehovah no anarany, **9** Dia Ilay mampitselatra fandravana hamely ny mahery, ka dia mihatra amin' ny tanàna mimanda ny fandravana. **10** Halany eo am-bavahady izay mananatra, ary ataony ho fahavetavetana izay miteny ny marina. **11** Koa noho ny fanitsakitsahanareo ny mahantra sy ny nampandoavanareo vary azy, dia mba nanao trano vato voapaika ihany ianareo, nefa tsy hitoetra ao aminy; Namboly tanim-boaloboka mahafinaritra ihany ianareo, nefa tsy hisotro ny divay avy aminy. **12** Fa fantatro fa be ny helokareo, ary fatratra ny fahotanareo: Mampahory ny marina sy mandray kolikoly ianareo ary mamadika ny malahelo eo am-bavahady. **13** Koa izay manan-tsaina dia hangina amin' izao andro izao, fa andro mampahory izao. **14** Ny tsara no tadiavo, fa aza ny ratsy, mba ho velona ianareo; Ka dia homba anareo Jehovah, Andriamanitry ny maro, araka izay efa nolazainareo. **15** Ankahalao ny ratsy, ka tiavo ny tsara, ary aoreno eo am-pitsarana ny rariny; Angamba Jehovah, Andriamanitry ny maro, hamindra fo amin' izay sisa amin' i Josefa. **16** Koa izao no lazain' i Jehovah Tompo, Andriamanitry ny maro: Eny an-kalalahana rehetra dia hisy fisaonana, ary eny an-dalambe rehetra dia hisy hanao hoe: Indrisy! Indrisy! Ary hiantso ny mpiasa tany hitomany izy, ary izay mahay hira fisaonana dia hantsoiny hanao. **17** Ary any amin' ny tanim-boaloboka rehetra dia hisy fisaonana; Fa handeha hamaky eo aminao Aho, hoy Jehovah. **18** Lozan' izay maniry ny andron' i Jehovah! Hataonareo inona moa ny andron' i Jehovah? Dia aizina, fa tsy fahazavana, **19** Tahaka ny olona mandositra ny liona ka sendra ny bera, ary rehefa tafiditra ao an-trano ka mitehin-tanana amin' ny rindrina, dia kekerin' ny menarana. **20** Moa tsy aizina va ny andron' i Jehovah, fa tsy fahazavana? Tsy aizim-pito tsy misy mangirana akory va izany? **21** Halako,

eny, laviko ny andro firavoravoanareo, ary tsy ho hanitra ankasitrahana amiko ny fivorianareo masìna. **22** Na dia ateranareo fanatitra dorana sy fanatitra hohanina aza Aho, dia tsy sitrako izany; Ny zanak' omby mifahy aterinareo ho fanati-pihavanana dia tsy hojereko akory. **23** Atsaharo ny finaonaonan' ny hiranareo, fa maharenina Ahy; Fa tsy hihaino ny fanenon' ny lokanganareo Aho. **24** Ary aoka ny fitsarana hanalonalona toy ny rano, ary ny fahamarinana toy ny renirano tsy mety ritra. **25** Moa efa nanatitra fanatitra hohanina sy fanatitra alatsa-drà ho Ahy tany an-efitra efa-polo taona va ianareo, ry taranak' i Isiraely? **26** Tsia, fa ny nitondra ny tabernakelin' ny mpanjakanareo sy ny fipetrahan' ny sampinareo ihany no nataonareo, dia ny kintan' ny andriamanitrareo, izay nataonareo ho anareo **27** Ka dia ho entiko ho babo any ankoatr' i Damaskosy ianareo, hoy Jehovah, Andriamanitry ny maro no anarany.

6 Lozan' ireo miadana ao Ziona sy ireo matokitoky foana ao an-tendrombohitr' i Samaria, dia ireo malaza eo amin' ny firenena malaza indrindra sady hatonin' ny taranak' Isiraely. **2** Mankanesa any Kalne ianareo, ka mijere, dia mandrosoa ihany ho any Hamata lehibe; Ary midìna ho any Gatan' ny Filistina; Tsara noho ireo fanjakana ireo va izy? Sa lehibe noho ny tanin' ireo va ny taninareo? **3** Hianareo izay mihevitra ny andro mampahory ho mbola lavitra sy mampanakaiky ny seza fandozana, **4** Dia ireo izay mandrimandry ao amin' ny farafara ivoriny sy mitsilailay eo amin' ny fandriandriany ary homana ny zanak' ondry avy amin' ny andian' ny ondry sy ny zanak' omby avy ao am-pahitra, **5** Dia ireo izay mivovo foana manaraka ny feon-dokanga ary mamorona zava-maneno toy ny nataon' i Davida, **6** Dia ireo izay misotro divay amin' ny lovia famafazana sady mihosotra diloilo tsara Indrindra, nefa tsy onena ny fahasimban' i Josefa. **7** Koa amin' izao dia ho voalohany amin' izay hobaboina ireo, ary hatsahatro ny hobin' izay mitsilailay foana. **8** Jehovah Tompo dia efa nianiana tamin' ny tenany, hoy Jehovah, Andriamanitry ny maro: Fahavetavetana eo anatrehako ny reharehan' i Jakoba, ary halako ny tranobeny; Koa dia hatolotro ny tanàna mbamin' izay rehetra ao anatiny. **9** Ary raha hisy folo lahy sisa ao an-trano iray, dia samy ho faty ireo. **10** Ary ny havan' izay maty, na izay handevina azy, dia hambeta azy ka hitondra ny faty hiala ao an-trano, dia hiteny amin' izay ao anaty trano hoe: Mbola misy ihany va ato aminao? Ary raha hoy izy: Tapitra! Dia hovaliana hoe: Mangìna re! fa tsy tokony hotonenina ny anaran' i Jehovah. **11** Fa, indro, Jehovah no mandidy, ka horavana ny trano lehibe, ary hotresatresahina ny trano madinika. **12** Mihazakazaka eny amin' ny sola-bato va ny soavaly. Misy olona mampihosy omby va eny, no efa navadikareo ho zava-mangidy ny rariny, ary ny vokatry ny fahamarinana ho zava-mahafaty? **13** Dia ianareo izay mifaly amin' ny zava-poana ka manao hoe: Moa tsy ny herinay va no ahazoanay tandroka ho anay? **14** Fa, indro, hanangana firenena hamely anareo Aho, ry taranak' Isiraely, hoy Jehovah, Andriamanitry ny maro, dia hampahory anareo hatrany akaikin' i Hamata izy ka hatramin' ny lohasahan-driaka any amin' ny tani-hay.

7 Izao no nasehon' i Jehovah Tompo tamiko: Indro, nanao ny valala tamin' ny voalohan' ny nitsimohan' ny kolokolon' ahitra Izy; ary, indro, kolokolon' izay nojinjana ho an' ny mpanjaka izany. **2** Ary nony efa laniny avokoa ny zava-maniry amin' ny tany, dia hoy izaho: Jehovah Tompo, mifona aminao aho mamelà heloka! Hataon' i Jakoba ahoana no fahajanona? Fa kely izy. **3** Nanenenan' i Jehovah izany; Tsy hisy izany, hoy Jehovah. **4** Izao no nasehon' i Jehovah Tompo tamiko: Indro, Jehovah Tompo miantso hifandahatra hamely amin' ny afo, ka nandevona ny lalina lehibe sy nila handany ny zara-lova izany. **5** Dia hoy izaho: Jehovah Tompo, Mifona aminao aho, mitsahara! Hataon' i Jakoba ahoana no fahajanona? Fa kely izy. **6** Nanenenan' i Jehovah izany; Tsy hisy izany, hoy Jehovah Tompo. **7** Izao no nasehony ahy: Indro, ny Tompo nitsangana teo ambonin' ny manda natao amin' ny pilao, sady nisy pilao teny an-tànany. **8** Dia hoy Jehovah tamiko: Inona no hitanao, ry Amosa? Ary hoy izaho: Pilao. Dia hoy ny Tompo: Indro, hanisy pilao eo amin' ny Isiraely oloko Aho, fa tsy handefitra aminy intsony; **9** Dia ho foana ny fitoerana avon' Isaka, ary ho rava ny fitoera-masin' Isiraely; Ary hitsangana Aho ka hamely sabatra ny taranak' i Jeroboama. **10** Dia naniraka tany amin' i Jeroboama, mpanjakan' ny Isiraely, Amazia, ilay mpisorona tao Betela, nanao hoe: Amosa efa nanao tetika hikomy aminao teo amin' ny taranak' Isiraely, ary tsy zakan' ny tany ny teniny rehetra, **11** satria hoy Amosa: Ho fatin-tsabatra Jeroboama, ary hobaboina hiala amin' ny taniny tokoa ny Isiraely. **12** Ary hoy Amazia tamin' i Amosa: Ry mpahita! andeha mandositra mankany amin' ny tanin' ny Joda ianao, ka mihinàna hanina any, ary maminania any; **13** fa aza maminany eto Betela intsony; fa fitoera-masin' ny mpanjaka sy tranom-panjakana ity. **14** Dia namaly Amosa ka nanao tamin' i Amazia hoe: Tsy mba mpaminany aho, na zanaka ny mpaminany; fa mpiandry ondry sy mpioty aviavy ihany aho, **15** saingy nalain' i Jehovah tany ampiandrasana ondry ka nataony hoe: Mandehana, ka maminania amin' ny Isiraely oloko. **16** Ka mba henoy ny tenin' i Jehovah: Hianao manao hoe: Aza maminany ny hamelezana ny Isiraely, ary aza milaza ny hamelezana ny taranak' Isaka; **17** Koa izao no lazain' i Jehovah: Ny vadinao hijangajanga ao an-tanàna, ary ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy ho lavon-tsabatra, Ary ny taninao hozaraina amin' ny famolaina; Ary ny tenanao ho faty any amin' ny tany maloto; Ary ny Isiraely hobaboina hiala amin' ny taniny tokoa.

8 Izao no nasehon' i Jehovah Tompo tamiko; Indro, nisy harona feno voankazo masaka fahavaratra. **2** Ary hoy Izy: Inona no hitanao, ry Amosa? Dia hoy izaho: Harona feno voankazo masaka fahavaratra. Dia hoy Jehovah tamiko: Tonga amin' ny Isiraely oloko ny farany; Tsy handefitra aminy intsony Aho. **3** Ho tonga naonaona ny hira ao an-dapa amin' izany andro izany, hoy Jehovah Tompo; Ho be ny faty, Hatraiza hatraiza no hanariany azy. Mangìna re! **4** Mihanoa izao, ianareo izay mihanahana te-hitelina ny malahelo sy hahafongana ny mpandefitra amin' ny tany **5** Ka manao hoe: Rahoviana no ho tapitra ny voalohambolana, hivarotantsika vary, sy ny Sabata, hanokafantsika

ny lava-bary, ka hanakelezana ny efaha sy hanalehibiazana ny sekely, ary hanaovana mizana mandainga **6** Mba hovidintsika volafotsy ny mahantra sy kiraro iray lomisy ny malahelo, ary hivarotantsika ny loha-kororoky ny vary? **7** Jehovah nianiana tamin' ny Reharehan' i Jakoba ka nanao hoe: Tsy hisy hobadinoiko mandrakizay ny asany na dia iray akory aza! **8** Tsy hihorohoro noho izany va ny tany, sy hitomany ny mponina rehetra ao aminy? Eny, ny tany rehetra hihatondraka tahaka an' i Neily sy hihena indray toy ny Neilin' i Egypta. **9** Ary amin izany andro izany, hoy Jehovah Tompo, dia halentiko mitataovovonana ny masoandro, ary hohamaiziniko antoandrobenanahary ny tany; **10** Hampodiko ho fitomaniana ny andro firavoravoanareo, ary ho hira fahalahelovana ny hiranareo rehetra, hofeheziko lamba fisaonana ny valahana rehetra, sady hokakasako ny loha rehetra; Ary hataoko ho toy ny fisaonana zanakalahy tokana izany, Ka ny farany dia ho tahaka ny andro mangidy. **11** Indro, avy ny andro, hoy Jehovah Tompo, izay hanaterako mosary amin' ny tany, tsy fanirian-kanina anefa, na hetahetan-drano, fa faniriana handre ny tenin' i Jehovah; **12** Ary hivembena hatrany amin' ny ranomasina ka hatrany amin' ny ranomasina ny olona ary hatrany amin' ny avaratra ka hatrany amin' ny atsinanana, eny, hivezivezy hitady ny tenin' i Jehovah izy, nefa tsy hahita. **13** Amin' izany andro izany dia ho jemby noho ny hetaheta ny virijina tsara tarehy sy ny zatovolahy, **14** Dia ireo izay mianiana amin' ny fahotan' i Samaria, ka manao hoe: velona koa ny andriamanitrao, ry Dana, ary raha velona koa ny fanaon' i Beri-sheba; eny, ho lavo izy ka tsy hiarina intsony.

9 Nahita ny Tompo nitsangana teo anilan' ny alitara aho, ka hoy Izy: Asio ny kapitaly hihetsiketsehan' ny tokonana, ary torotoroy hianjera amin' ny lohan' izy rehetra, ka izay sisa aminy dia hovonoiko amin' ny sabatra; Ary tsy hisy afa-mandositra izy, sady tsy hisy izay sisa ho afaka akory. **2** Na dia mibosesika ho any amin' ny fiainan-tsi-hita aza izy, dia any no hanalan' ny tanako azy; Ary na dia miakatra ho any an-danitra aza izy, dia avy any no hampidinako azy. **(Sheol h7585)** **3** Ary na dia miery any an-tampon' i Karmela aza izy, dia any no hitadiavako sy hangalako azy; Ary na dia manafin-tena any ambanin' ny ranomasina aza izy, mba tsy ho hitan' ny masoko, dia any no handidiako ny menarana, ka hanaikitra azy. **4** Ary na dia lasan-ko babo eo anoloan' ny fahavalony aza izy, dia any no handidiako ny sabatra, ka hamono azy; Ary hampanandriniko azy ny masoko hahatonga ny loza aminy, fa tsy ny soa. **5** Ary Jehovah, Tompon' ny maro, no manendry ny tany, ka dia miempo izany, ka misaona ny mponina rehetra ao aminy; Ary dia hihatondraka tahaka an' i Neily avokoa Izany, ary hihena indray izy toy ny Neilin' i Egypta, **6** Ary manao ny tranony ambony any an-danitra Izy, sady manorina ny andohalambony eny ambonin' ny tany; Ary miantso ny rano eny an-dranomasina ka mampilatsaka azy eny amin' ny tany, Jehovah no anarany. **7** Moa tsy toy ny taranaky ny Etiopiana va ianareo raha amiko, ry Zanak' Isiraely? hoy Jehovah. Tsy ny Isiraely va no nentiko nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta. Ary ny Filistina avy tany Kaftora, Ary ny Syriana avy tany Kira? **8** Indro, ny mason' i Jehovah Tompo no manandrina ity fanjakana feno ota ity, ka dia hofongorako tsy ho eo ambonin' ny tany izy; Kanefa tsy dia hofongorako avokoa ny taranak' i Jakoba, hoy Jehovah. **9** Fa, indro, Izaho no handidy, ka hosivaniko any amin' ny firenena rehetra ny taranak' Isiraely, tahaka ny fanasivana vary amin' ny sivana; Nefa tsy hisy voam-bary ho latsaka amin' ny tany na dia iray akory aza. **10** Sabatra no hamonoana ny mpanota rehetra amin' ny oloko, dia ireo izay manao hoe: Ny loza tsy hanakaiky na hahatratra anay. **11** Amin' izany andro izany dia hatsangako indray ny trano-bongon' i Davida izay efa nianjera, ary hotampenako ny efa banga ao; Ary hamboariko izay efa rava aminy, ka hataoko tahaka ny taloha izy, **12** Mba hananany izay sisa amin' i Edoma sy amin' ny jentilisa rehetra, izay hantsoina amin' ny anarako, hoy Jehovah, Izay manao izany. **13** Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay hahatraran' ny mpiasa tany ny mpijinja, ary ny mpanosihosy voaloboka hahatratra ny mpamafy; Ny tendrombohitra hipoipoitra ranom-boaloboka, ary ny havoana rehetra hiempo. **14** Ary hampodiko ny Isiraely avy amin' ny fahababoana, dia hanangana ny tanàna efa rava izy ka honina ao, ary hanao tanim-boaloboka izy ka hisotro ny divay avy aminy; Hanao saha koa izy ka hihinana ny vokatra. **15** Eny, hamboleko ao amin' ny taniny izy, ka tsy hongotana amin' ny taniny izay nomeko azy intsony izy, Hoy Jehovah Andriamanitrao.

Obadia

1 Ny fahitan' i Obadia. Izao no lazain' i Jehovah Tompo ny amin' i Edoma: Nahare filazana avy tamin' i Jehovah izahay, Ary nisy iraka nalefa ho any amin' ny jentilisa hanao hoe: Mitsangàna, aoka isika hitsangana hanafika azy! **2** Indro, hataoko tsinontsinona eo amin' ny firenena ianao, Eny, ho fanazimbazimba indrindra ianao. **3** Ny avonavon' ny fonao no namitaka anao, Ry ilay monina ao an-tsefatsefaky ny harambato, Any amin' ny fonenana avo, Sady manao anakampo hoe: Iza no hampivarina ahy ho eny an-tany? **4** Na dia miakatra tahaka ny voromahery aza ianao Ka mametraka ny akaninao eny amin' ny kintana, Dia havariko avy eny ianao, hoy Jehovah. **5** Raha, tahìny misy mpangalatra, na jiolahy alina, tonga ao aminao, (Indrisy, fongotra ianao!) Moa tsy izay hahafa-po azy ihany va no hangalariny? Raha tahìny misy mpioty voaloboka tonga ao aminao, Moa tsy hamela voaloboka sisa hotsimponina va izy? **6** Endrey ny fitady ny an' i Esao! Endrey ny fikatsaka ny hareny miafina! **7** Ny olona rehetra izay vita fanekena taminao no nampandeha anao hatramin' ny sisin-tany; Izay tsara fihavanana aminao no namitaka ka naharesy anao; Izay mihinana ny haninao no namela-pandrika ao ambaninao Tsy misy fahalalana ao aminy! **8** Moa tsy amin' izany andro izany va, hoy Jehovah, no hamongorako ny olon-kendry ao Edoma, Sy ny manan-tsaina ao an-tendrombohitr' i Esao? **9** Ary ho raiki-tahotra ny lehilahy maherinao, ry Temana, Mba haringana amin' ny vonoana ho foana ny any an-tendrombohitr' i Esao. **10** Noho ny fampahoriana an' i Jakoba rahalahinao dia ho voasaron-kenatra ianao Ka ho fongotra mandrakizay. **11** Tamin' ilay andro namitsahanao teny am-pita, Tamin' ny andro namaboan' ny vahiny ny fananany, Sy nidiran' ny hafa firenena teo amin' ny vavahadiny, Ary nanaovany loka an' i Jerosalema, Dia mba toy ny anankiray tamin' ireny koa ianao. **12** Aza finaritra mijery ny andron' ny rahalahinao amin' ny andro ahitany loza izay tsy misy toa izany; Ary aza mifaly ny amin' ny taranak' i Joda amin' ny andro andringanana azy; Ary aza manao teny miavonavona amin' ny andro fahoriana **13** Aza miditra amin' ny vavahadin' ny oloko amin' ny andro ahitany loza; Aza finaritra mijery ny fahantrany amin' ny andro ahitany loza ianao, Ary aza maninji-tàna haka ny fananany amin' ny andro ahitany loza **14** Aza mamitsaka eo amin' ny sampanan-dalana hamono izay afa-nandositra ianao; Ary aza manolotra izay sisa aminy amin' ny andro fahoriana. **15** Fa efa antomotra amin' ny jentilisa rehetra ny andron' i Jehovah; Toy ny nataonao no mba hatao aminao kosa; Eny, hitsingerina ho eo an-dohanao ny nataonao. **16** Fa toy ny nisotroanareo teo an-tendrombohitra masìna, Dia toy izany koa no hisotroan' ny firenena rehetra mandrakariva, Eny, hisotro izy ka hitelina, Ary ho toy ny tsy ary izy. **17** Fa ao an-tendrombohitra Ziona dia hisy izay sisa afaka, Ary ho masìna izy; Ary ny taranak' i Jakoba hahalasa ny fananany. **18** Ny taranak' i Jakoba ho afo, Ary ny taranak' i Josefa ho lelafo, Fa ny taranak' i Esao kosa ho vodivary, Ary harehitr' ireny izy ka holevoniny; Ary tsy hisy sisa afaka ny taranak' i Esao, Fa Jehovah no efa niteny. **19** Ny any amin' ny tany atsimo no hahalasa ny tendrombohitr' i Esao; Ary ny any amin' ny tany lemaka amoron-tsiraka no hahalasa ny Filistina; Hahalasa ny tanin' ny Efraima sy ny tany Samaria izy; Ary Benjamina hahalasa an' i Gileada. **20** Ary ny babo amin' izao Zanak' Isiraely maro be izao hahalasa ny Kananita hatrany Zarefata, Ary ny babo tany Jerosalema, izay any Sefarada, dia hahalasa ny tanàna any amin' ny tany atsimo. **21** Ary hisy mpamonjy miakatra ho ao an-tendrombohitra Ziona Hitsara ny tendrombohitr' i Esao; Ary ho an' i Jehovah.

Jona

1 Ary tonga tamin' i Jona, zanak' i Amitahy, ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Mitsangàna, mankanesa any Ninive, ilay tanàna lehibe, ary miantsoa ny amin' ny hamelezana azy, fa tafakatra eto anatrehako ny faharatsiany. **3** Nefa Jona nitsangana handositra ho any Tarsisy mba hiala eo anatrehan' i Jehovah; ary nidina tany Jopa izy ka nahita sambo hankany Tarsisy, dia nandoa ny karamany ka niondrana taminy hiara-mandeha tamin' ny tao ho any Tarsisy hiala eo anatrehan' i Jehovah. **4** Fa Jehovah nahatonga rivotra mahery teny ambonin' ny ranomasina, dia nanonja mafy ny ranomasina, ka dia efa nila ho vaky ny sambo. **5** Dia raiki-tahotra ny matilo, ka samy nitaraina tamin' ny andriamaniny avy sady nariany tany anaty ranomasina ny zavatra tao an-tsambo mba hampahatony ny loza. Fa Jona kosa efa nidina nankao anaty sambo ka nandry renoky ny torimaso. **6** Dia nankao aminy ny kapitenin-tsambo ka nanao taminy hoe: Endrey ity ianao renoky ny torimaso foana eto! Mitsangàna, ka antsoy ny Andriamanitrao, fa angamba hihevitra antsika Andriamanitra, ka dia tsy ho faty isika. **7** Ary dia samy nanao tamin' ny namany hoe izy: Avia isika hanao filokana mba hizahantsika izay mahatonga izao loza izao amintsika. Dia nanao filokana izy, ka Jona no azo. **8** Dia hoy ireo taminy: Masìna ianao, lazao aminay: Noho ny amin' iza moa no mahatonga izao loza izao amintsika? Inona no raharaha fanaonao? Ary avy taiza ianao? Aiza no taninao? Ary avy amin' ny firenen' iza ianao? **9** Dia hoy izy tamin' ireo: Hebreo aho; ary Jehovah, Andriamanitry ny lanitra, no ivavahako, dia Izay nanao ny ranomasina sy ny tany maina. **10** Dia raiki-tahotra indrindra ny olona ka nanao taminy hoe: Adray izato ataonao izato! Fa fantany fa nandositra hiala eo anatrehan' i Jehovah izy, satria efa nambarany taminy izany. **11** Dia hoy ireo taminy: Hataonay ahoana ary ianao mba hahatony ny ranomasina aminay? Fa mbola nihanànonja ihany ny ranomasina. **12** Ary hoy izy tamin' ireo: Betao aho, ka atsipazo any anatin' ny ranomasina hahatony ny ranomasina aminareo; fa fantatro fa noho ny amiko no mahatonga izao onja mahery izao aminareo. **13** Nefa namaky onja fatratra ny olona mba hamerina ny sambo ho amin' ny tany maina, fa tsy zakany, satria ny ranomasina mbola nihanànonja mafy taminy. **14** Dia nitaraina tamin' i Jehovah izy ka nanao hoe: Mifona aminao izahay, Jehovah ô, aoka tsy ho faty izahay noho ny amin' ny ain' ity lehilahy ity ary aza atao ho mpandatsaka rà marina izahay; fa Hianao, Jehovah ô, efa nanao izay sitraky ny fonao. **15** Dia nobetain' izy ireo Jona ka natsipiny tany anatin' ny ranomasina; ary dia nitsahatra ny fisafoaky ny ranomasina. **16** Dia natahotra an' i Jehovah indrindra ireo olona ireo ka namono zavatra hatao fanatitra ho an' i Jehovah sady nivoady. **17** Ary Jehovah nanomana hazandrano lehibe hitelina an' i Jona. Ary Jona dia tao an-kibon' ilay hazandrano hateloan' andro sy hateloan' alina.

2 Dia nivavaka tamin' i Jehovah Andriamaniny tao an-kibon' ny hazandrano Jona **2** ka nanao hoe: Niantso an' i Jehovah tamin' ny fahoriako aho, Ka dia namaly ahy Izy; Tao anatin' ny fiainan-tsi-hita no nitarainako, Dia nihaino ny feoko Hianao. **(Sheol h7585)** **3** Fa efa natsipinao tao amin' ny lalina aho, Dia tao amin' ny ranomasina, Ka voasafotry ny riaka aho; Nanarona ahy ny alon-dranonao sy ny onjanao rehetra. **4** Dia hoy izaho: Voaroaka tsy ho eo anatrehanao aho, Nefa mbola nanatrika ny tempolinao masìna ihany. **5** Ny rano nanarona ahy hatramin' ny aiko, Ny lalina namefy ahy manodidina; Ny zava-maniry any an-dranomasina nisingotra manodidina ny lohako. **6** Tafalatsaka tany amin' ny fanambanin' ny tendrombohitra aho; Ny hidin' ny tany nanidy ahy mandrakizay; Nefa nampiakatra ny aiko avy tao an-davaka Hianao, Jehovah Andriamanitro ô. **7** Raha reraka tato anatiko ny fanahiko, Dia nahatsiaro an' i Jehovah aho; Ka tonga tao aminao ny fivavako, Dia tao amin' ny tempolinao masìna. **8** Izay mivavaka amin' ny sampy Dia mahafoy Izay Mpamindra fo aminy **9** Fa izaho, dia feo midera no entiko mamono zavatra hatao fanatitra ho Anao, Ary izay nivoadiako dia hefaiko; An' i Jehovah ny famonjena. **10** Ary Jehovah nandidy ilay hazandrano, ka dia naloany ho eny amin' ny tany maina Jona.

3 Ary tonga fanindroany tamin' i Jona ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **2** Mitsangàna, ka mankanesa any Ninive, ilay tanàna lehibe; ary torio aminy ny teny izay lazaiko aminao. **3** Dia nitsangana Jona ka nankany Ninive araka ny tenin' i Jehovah. Ary Ninive dia tanàna lehibe teo anatrehan' Andriamanitra, dia lalana hateloana. **4** Ary Jona niantomboka nandeha tao an-tanàna lalana indray andro ka nitory hoe: Rehefa afaka efa-polo andro, dia horavana Ninive. **5** Dia nino an' Andriamanitra ny mponina tao Ninive ka niantso fifadian-kanina sady nitafy lamba fisaonana hatramin' ny lehibe ka hatramin' ny kely. **6** Ary nony efa ren' ny mpanjakan' i Ninive izany, dia nitsangana niala tamin' ny seza fiandrianany izy, ka nanaisotra ny akanjom-boninahiny, dia nisarona lamba fisaonana sady nipetraka tamin' ny lavenona. **7** Ary nasaina nantsoina sy nambara eran' i Ninive araka ny didin' ny mpanjaka sy ny mpanapaka hoe: Aza avela hisy hanendry hanina akory, na olona, na biby fiompy; dia ny ondry aman' osy sy ny omby; eny, aza avela hisy hihinana na hisotro rano akory ireo. **8** Fa aoka samy hisarona lamba fisaonana ny olona sy ny biby fiompy, ary aoka hitaraina mafy amin' Andriamanitra izy, ary aoka samy hahafoy ny lalany ratsy sy ny fandozana eny an-tanany avy izy rehetra. **9** Fa angamba hiverina ihany Andriamanitra ka hanenina ary hiala amin' ny fahatezerany mirehitra, mba tsy ho lany ritra isika? **10** Ary rehefa hitan' Andriamanitra ny nataon' ireo ny amin' ny nialany tamin' ny lalan-dratsiny, dia nanenina Izy ny amin' ny loza izay nolazainy hamelezany azy, ka tsy nataony izany.

4 Fa tsy sitrak' i Jona indrindra izany, ka nirehitra ny fahatezerany. **2** Dia nivavaka tamin' i Jehovah izy ka nanao hoe: Mifona aminao aho, Jehovah ô, tsy izao ihany va no efa nolazaiko fony aho mbola tany amin' ny taniko? Fa ny andrao hisy toy izao no nandosirako ho any Tarsisy, satria fantatro fa Hianao dia Andriamanitra mamindra fo sy

miantra, mahari-po sady be famindram-po ary manenina ny amin' ny loza. **3** Koa mifona aminao aho ankehitriny, Jehovah ô, esory ny aiko; fa aleoko ho faty toy izay ho velona. **4** Fa hoy Jehovah: Moa mety va izao firehitry ny fahatezeranao izao? **5** Dia nivoaka ny tanàna Jona ka nipetraka teo atsinanan-tanàna; ary nanao trano rantsan-kazo ho azy teo izy ka nipetraka teo ambanin' ny alokalony ambara-pahitany izay hiafaran' ny tanàna. **6** Ary Jehovah Andriamanitra nanomana tanantanamanga, ka nampaniriny hanalokaloka an' i Jona izany ho alokaloky ny lohany, hanafaka ny alahelony. Ka dia nahafaly an' i Jona indrindra ny tanantanamanga. **7** Kanjo nony ampitso maraina dia nanomana fositra koa Andriamanitra, ka namely ilay tanantanamanga iny, dia nalazo io. **8** Ary nony niposaka ny masoandro, Andriamanitra dia nanomana rivotra mahamay avy any atsinanana, ary dia namely ny lohan' i Jona ny masoandro, dia ana izy ka nangataka ny ho faty, nanao hoe: Aleoko ho faty toy izay ho velona. **9** Fa hoy Andriamanitra tamin' i Jona: Moa mety va izao firehitry ny fahatezeranao ny amin' ny tanantanamanga izao? Ary hoy izy: Mety ny hahatezerako na dia mandra-pahafatiko aza. **10** Dia hoy Jehovah: Hianao malahelo ny tanantanamanga izay tsy nisasaranao na nampanirinao, dia ilay naniry indray alina monja ary maty indray alina koa; **11** ka moa Izaho tsy mba halahelo an' i Ninive, ilay tanàna lehibe va, izay misy olona tsy omby roa alina sy iray hetsy, izay tsy mahafantatra ny havanany sy ny haviany, sady be biby fiompy koa?

Mika

1 Ny tenin' i Jehovah izay tonga tamin' i Morastita tamin' ny andro nanjakan' i Jotama sy Ahaza ary Hezetia, mpanjakan' ny Joda, dia ilay hitany ny amin' i Samaria sy Jerosalema. **2** Samia mihaino ianareo, ry firenena rehetra; Atongilano ny sofinareo, ry tany sy izay zavatra rehetra eo aminy; Ary aoka Jehovah Tompo no ho vavolombelona hanameloka anareo, Dia Jehovah avy ao amin' ny tempoliny masìna. **3** Fa, indro, Jehovah mivoaka avy ao amin' ny fitoerany Ary midìna ka mandia ny havoana amin' ny tany. **4** Miempo ao ambaniny ny tendrombohitra, Ary mivava ny lohasaha, Tahaka ny savoka taninin' ny afo, Sy tahaka ny rano akorotsaka eny amin' ny hantsana. **5** Noho ny fahadisoan' i Jakoba sy ny fahotan' ny taranak' Isiraely no isian' izany rehetra izany. Iza no nahadiso an' i Jakoba? Tsy Samaria va? Ary iza no fitoerana avon' i Joda? Tsy Jerosalema va? **6** Koa Samaria dia hataoko korontam-bato any an-tsaha Sy tany fambolem-boaloboka; Ary hakorotsako ho any an-dohasaha ny vatony, Ka haharihariko ny fanorenany. **7** Hotorotoroina ny sampiny voasokitra rehetra, Ary hodorana amin' ny afo ny tanginy rehetra, Sady hofoanako ny sampiny rehetra; Tangin' ny vehivavy janga no nanangonany ireny, Ary hody ho tangin' ny vehivavy janga indray izy. **8** Koa izany no hitomaniako sy hidradradradrako, Ka handeha sady horobaina no mitanjaka aho; Hikaonkaona toy ny amboadia aho Ary hikiakiaka toy ny ostritsa. **9** Fa tsy azo sitranina ny ferin' i Samaria; Fa mihatra amin' i Joda izany, Ary mahatratra ny vavahadin' ny oloko aza, dia any Jerosalema. **10** Aza ambaranareo any Gata izany, Aza mitomany akory! Mihosinkosina vovoka ao Beti-le-afra aho. **11** Mandehana mitanjaka mitondra henatra, ry mponina ao Safira; Tsy mivoaka ny mponina ao Zanana; Ny fisaonan' i Beti-haezela no misakana anareo tsy hijanona ao. **12** Fa malahelo ny soa ny mponina ao Marota, Satria loza no efa nidina avy tamin' i Jehovah ho ao am-bavahadin' i Jerosalema. **13** Fehezo amin' ny soavaly haingam-pandeha ny kalesy, ry mponina ao Lakisy; Niandohan' ny fahotan' i Ziona zanakavavy iny, Fa tao aminao no nahitana ny fahadisoan' Isiraely. **14** Koa izany no hanomezanao taratasy fisaorana ho an' i Moresetagata; Ranotrambo ho an' ny mpanjakan' ny Isiraely ireo tranon' i Akziba. **15** Mbola hitondrako olon-kandova ianao. Ry mponina ao Maresa; Ho tonga hatrany Adolama aza ny voninahitr' Isiraely. **16** Miheteza sy mikakasa Noho ny zanakao nahafinaritra; Halehibiazo ny solanao ho toy ny an' ny voltora, Fa lasan-ko babo niala taminao izy.

2 Lozan' izay mamoron-keloka sy misaintsain-dratsy ao am-pandriany! Ary nony maraina ny andro, dia manatanteraka izany izy, Satria manan-kery ny tànany. **2** Ary mitsiriritra saha izy ka maka izany an-keriny, Sy trano koa ka mahalasa azy; Ary mampahory olona mbamin' ny ankohonany izy, Dia ny olona mbamin' ny lovany. **3** Koa izao no lazain' i Jehovah: Indro, mamorona loza hamelezana ity firenena ity Aho, Izay tsy hahazoanareo hanafaka ny vozonareo, Ka tsy handeha miandranandrana ianareo, Satria andro mampahory izany. **4** Amin' izany andro izany no hanaovana oha-teny handatsana anareo, Ka hitomaniana sy hidradradradrana hoe: Efa levona izao! Eny, hiteny izy hoe: Fongana tokoa isika; Ataony fanakalo zavatra ny anjaran' ny oloko; Endrey! afindrany hiala amiko izany! Samy zarainy ho an' ny mpiodina avy ny tanintsika! **5** Koa tsy hisy aminao hanenjana famolaina akory hanaovana filokana Ao amin' ny fiangonan' i Jehovah. **6** Aza miteniteny ianareo, hoy ny fiteniteniny; Aoka tsy hiteniteny amin' ireto izy, Tsy hita lany ny fanalam-baraka ataony! **7** He! izany teny izany! Ry taranak' i Jakoba, Malaky tezitra va ny Fanahin' i Jehovah? Ireto va no asa fanaony? Tsy mahasoa izay mandeha mahitsy va ny teniko? **8** Vao omaly no omaly no nitsanganan' ny oloko ho fahavalo; Hendahanareo hiala eo amin' ny lamba ny kapôtin' izay mandeha tsy manana ahiahy, Dia izay tsy tia ady. **9** Ny vehivavy eo amin' ny oloko dia roahinareo hiala amin' ny tranony mahafinaritra; Esorinareo hiala mandrakizay amin' ny zanany madinika ny voninahitro. **10** Mitsangàna, ka mialà (Fa tsy eto no fitsaharana), Satria misy fahalotoana mahatonga fandringanana eto, eny, fandringanana mafy. **11** Raha misy manaraka ny rivotra sy ny lainga ka mandainga hoe: Hitori-teny' aminao ny amin' ny divay sy ny zava-mahamamo aho, Dia izy no ho mpitori-tenin ity firenena ity. **12** Hamory anareo rehetra tokoa Aho, ry Jakoba, Ary hanangona ny sisa amin' ny Isiraely tokoa, Hakambako toy ny ondry any amin' ny vala izy, Toy ny ondry andiany ao amin' ny tany fiandrasana; Hitabataba izy noho ny hamaroan' ny olona. **13** Ny mpanabanga miakatra eo alohany, Manabanga izy ka mandroso ho eo amin' ny vavahady, Dia mivoaka eo aminy; Ny mpanjakany mandroso eo alohany, Ary Jehovah no mitarika azy.

3 Ary hoy izaho: Masìna ianareo, mihainoa, ry loholon' i Jakoba, Sy ianareo mpanapaka ny taranak' Isiraely: Tsy anjara-raharahanareo va ny hahalala ny rariny? **2** Dia ianareo izay mankahala ny tsara ka tia ny ratsy, Izay manendaka ny hoditry ny olona Sy ny nofony amin' ny taolany, **3** Eny, ianareo izay homana ny nofon' ny oloko koa Sady manendaka ny hodiny Ary mamakivaky ny taolany; Eny, mitetika azy toy ny hatao am-bilany izy, Ary toy ny hena ao anatin' ny fahandroan-kena. **4** Amin' izany dia hitaraina amin' i Jehovah izy, Nefa tsy hohenoiny; Hanafina ny tavany aminy amin' izany andro izany Izy Araka ny faharatsian' ny nataon' ireo. **5** Izao no lazain' i Jehovah ny amin' ny mpaminany izay mampaniasia ny oloko, dia ireo izay manaikitra amin' ny nifiny, nefa mitory fiadanana, ary izay tsy manisy hanina eo am-bavany kosa dia iantsoany hanaovana ady masìna: **6** Koa izany no hisian' ny alina aminareo, ka tsy hisy fahitana, Ary ny maizina aminareo, ka tsy hisy fankatovana; Fa hilentika tsy hanazava ny mpaminany ny masoandro, Ary ho maizina aminy ny andro, **7** Dia ho menatra ny mpahita, Ary hangaihay ny mpanao fankatovana; Eny, hitampim-bava avokoa izy rehetra, Satria tsy misy valiny avy amin' Andriamanitra. **8** Fa izaho kosa dia feno hery, dia ny Fanahin' i Jehovah, Mbamin' ny rariny sy ny faherezana, Mba hanambara amin' i Jakoba ny

helony Sy amin' Isiraely ny fahotany. **9** Masìna ianareo, mihainoa izao, Ry loholon' ny taranak' i Jakoba, Sy ry mpanapaka ny taranak' Isiraely, Dia ianareo izay manao ny rariny ho fahavetavetana Sy mamadika ny hitsiny rehetra, **10** Dia izay manangana an' i Ziona amin' ny fandatsahandrà Sy Jerosalema amin' ny faharatsiana. **11** Ny mpifehiny mitsara hahazoany kolikoly, Ary ny mpisorony mampianatra hahazoany karama, Ary ny mpaminany manao fankatovana hahazoany vola; Nefa Jehovah mbola iankinany ihany hoe: Tsy ato amintsika va Jehovah? Tsy hisy loza hanjo antsika. **12** Koa dia hasaina toy ny tanimboly Ziona noho ny nataonareo, Ary Jerosalema ho tonga korontam-bato, Ary ny tendrombohitra misy ny trano dia ho tonga toy ny havoana mifono ala.

4 Ary izao no ho tonga any am-parany: Ny tendrombohitra misy ny tranon' i Jehovah dia haorina eo an-tampon' ny tendrombohitra Ary hasandratra ho avo noho ny havoana; Ary ny firenena hitanjozotra hankany. **2** Eny, maro ny jentilisa no hiainga ka hanao hoe: Andeha Isika hiakatra any antendrombohitr' i Jehovah, Ho any an-tranon' Andriamanitr' i Jakoba, Mba hampianarany antsika ny amin' ny lalany, Ka handehanantsika amin' ny atorony; Fa avy any Ziona no hivoahan' ny lalàna, Ary avy any Jerosalema ny tenin' i Jehovah. **3** Ary hitsara ny adin' ny firenena maro Izy Ka hampiaiky ny firenena mahery hatrany amin' ny lavitra; Dia hanefy ny sabany ho fangady ireny Ary ny lefony ho fanetezam-boaloboka; Ny firenena tsy hanainga sabatra hifamely; Na hianatra ady intsony. **4** Fa samy hipetraka eny ambanin' ny voalobony sy ny aviaviny izy, Ary tsy hisy hanaitaitra azy; Fa ny vavan' i Jehovah, Tompon' ny maro, no efa niteny. **5** Fa ny firenena rehetra samy mandeha amin' ny anaran' ny andriamaniny avy; Fa isika kosa handeha amin' ny anaran' i Jehovah Andriamanitsika mandrakizay doria. **6** Amin' izany andro izany, hoy Jehovah, No hanangonako ny mandringa Sy hamoriako izay noroahina Mbamin' izay nampahoriko; **7** Ary ny mandringa no hapetrako ho sisa, Ary izay noroahina lavitra ho firenena mahery; Ary Jehovah hanjaka aminy ao an-tendrombohitra Ziona Hatramin' izany ka ho mandrakizay. **8** Ary ianao, ry tilikambon' ny andiany'. Tendrombohitr' i Ziona zanakavavy, Aminao no ho tonga izany, eny, ho tonga ny fanapahana voalohany, Dia ny fanjakan i Jerosalema zanakavavy. **9** Koa nahoana no mitaraina mafy ianao? Moa tsy misy mpanjaka va ao aminao, Sa lany ringana avokoa ny mpanolotsainao, No dia azon' ny fanaintainana ianao, toy ny vehivavy raha miteraka? **10** Ry Ziona zanakavavy, mararia, ka manezaha, Toy ny vehivavy raha miteraka! Fa ankehitriny dia hivoaka avy any an-tanàna ianao Ka hipetraka any an-tsaha, Ary dia ho tonga hatrany Babylona aza; Any no hamonjena anao, Eny, any no hanavotan' i Jehovah anao ho afaka amin' ny tanan' ny fahavalonao. **11** Ary ankehitriny dia tafangona hamely anao ny firenena maro, Izay manao hoe: Aoka halam-baraka Ziona, Ary aoka ny masontsika ho faly mijery azy. **12** Kanjo tsy fantatr' ireny ny hevitr' i Jehovah, Na azony ny fisainany; Fa efa nanangona azy toy ny amboara ho ao am-pamoloana Izy. **13** Mitsangàna, ka miveleza, ry Ziona zanakavavy, Fa ny tandrokao hataoko vy, Ary ny kitronao hataoko varahina, Ka hanorotoro firenena maro ianao; Dia hatolotrao ho an' i Jehovah ny hareny, Ary ho an' ny Tompon' ny tany rehetra ny fananany.

5 Koa mivory ho andiany ianao, ry zanakavavin' ny andiany! Manao fahirano antsika izy, Mamely tsorakazo ny takolaky ny mpitsaran' ny Isiraely izy. **2** Fa ianao, ry Betlehema Efrata, Izay kely tsy tokony ho isan' ny arivon' i Joda akory, Dia avy ao aminao no hivoahan' Izay anankiray ho Mpanapaka ho Ahy ao amin' ny Isiraely; Hatry ny fahagola no efa nivoahany, dia hatrizay hatrizay. **3** Koa dia hatolony ireny, Ambara-pihavin' ny fotoana hiterahan' izay anankiray hiteraka; Ary izay sisa amin' ny rahalahiny dia hiverina mbamin' i ny Zanak' Isiraely. **4** Ary hitsangana Izy hiandry ny ondriny amin' ny herin' i Jehovah. Sy amin' ny voninahitry ny anaran' i Jehovah Andriamaniny, Ka handry fahizay ireny, Fa izao dia ho lehibe hatrany amin' ny faran' ny tany Izy. **5** Ary Izy no ho fiadanana; Raha tonga eto amin' ny tanin-tsika ny Asyriana Ka miditra ao amin' ny tranobentsika, Dia hanangana mpiandry ondry fito sy mpanapaka valo hisakana azy isika. **6** Ary handany ny tany Asyria amin' ny sabatra Sy ny tanin' i Nimroda ao antanànany ireo; Ary Izy hamonjy amin' ny Asyriana, Raha tonga amin' ny tanintsika sady manitsaka ato amin' ny faritanintsika ireny. **7** Ary izay sisa amin' i Jakoba ao amin' ny firenena maro Dia ho tahaka ny ando avy amin' i Jehovah, Sy tahaka ny ranonorana eny amin' ny ahitra, Izay tsy manantena mpaniraka, Na miandry zanak' olombelona. **8** Ary izay sisa amin' i Jakoba ao amin' ny jentilisa, Ao amin' ny firenena maro, Dia ho tahaka ny liona amin' ny biby any an' ala, Sy ho tahaka ny liona tanora ao amin' ny andian' ny ondry aman' osy: Raha mamaky eo izy, dia manitsakitsaka sy mamiravira, ka tsy misy mahavonjy. **9** Aoka haingaina amin' ny rafilahinao ny tananao, Ary aoka ho ringana ny fahavalonao rehetra. **10** Ary amin' izany andro izany, hoy Jehovah, Dia haringako tsy ho eo aminao intsony ny soavalinao, Ary hofonganiko ny kalesinao, **11** Hofoanako ny tanàna amin' ny taninao, Ary harodako ny tanànanao mimanda rehetra; **12** Hofoanako tsy hisy amin' ny tananao ny fankatovanao, Ary tsy hanana mpanandro intsony ianao. **13** Hofoanako tsy hisy aminao koa ny sampinao voasokitra Sy ny tsangam-baton-tsampinao; Ary tsy hiankohoka eo anatrehan' ny asan' ny tananao intsony ianao. **14** Hongotako tsy ho eo aminao ny Aserahanao; Ary horavako koa ny tanànanao. **15** Ary ny fahatezerana sy ny fahavinirana no hamaliako ny firenena izay tsy mihaino.

6 Masìna ianareo, mihainoa izay lazain' i Jehovah: Mitsangàna, mandahara eo anoloan' ny tendrombohitra, Ary aoka ho ren' ny havoana ny feonao. **2** Mihainoa ny adin' i Jehovah ianareo, ry tendrombohitra, Sy ianareo, ry fanorena-matezan' ny tany; Fa Jehovah manana ady amin' ny olony, Eny, amin' ny Isiraely no ifandaharany. **3** Ry oloko, inona no nataoko taminao? Inona no nanasarako anao? Tondroy maso ary Aho. **4** Fa nentiko niakatra avy tany amin' ny tany Egypta ianao Sady navotako avy tao amin' ny trano nahandevozana: Dia nirahiko hitarika anao

Mosesy sy Arona ary Miriama. **5** Ry oloko, mba tsarovy ny saina nataon' i Balaka, mpanjakan' i Moaba, Sy izay navalin' i Balama, zanak' i Beora, azy, Ary izay natao hatrany Sitima ka hatrany Gilgala, Hahafantaranareo ny asa marina nataon' i Jehovah. **6** Inona no ho entiko manatona an' i Jehovah Sy miondrika eo anatrehan' Andriamanitra Izay any amin' ny avo? Hanatona Azy mitondra fanatitra dorana Sy ny ombilahy kely iray taona va aho? **7** Ho sitrak' i Jehovah va ny ondrilahy arivoarivo, Na renirano diloilo iray alina? Hanolotra ny lahimatoako noho ny fahadisoako va aho, Na ny ateraky ny kiboko noho ny fahotan' ny fanahiko? **8** Ry olombelona, efa naseho anao izay tsara Sy izay ilain' i Jehovah aminao, Dia izao ihany: Ny hanao ny marina sy ny ho tia famindram-po Ary ny hanaraka an' Andriamanitrao amin' ny fanetren-tena **9** Manaitra ny tanàna ny feon' i Jehovah, Ary mahita ny anaranao ny hendry; Henoinareo ny tsorakazo sy Izay nanendry azy. **10** Mbola misy rakitry ny faharatsiana ihany va ao an-tranon' ny ratsy fanahy Sy ny famarana tsy ampy izay voaozona? **11** Mety madio va aho, raha manana mizana mandainga Sy kitapo misy vato tsy marina? **12** Fa feno loza ny mpanankarenany, Mandainga ny mponina ao aminy, Ary ny lelany dia fitaka eo am-bavany. **13** Izaho kosa dia hikapoka maharary anao Amin' ny fandringanako anao noho ny helokao. **14** Hianao hihinana, nefa tsy ho voky, Fa mbola ho ao anatinao ihany ny fahanoananao; Hampirina ianao, nefa tsy hahavonjy, Ary izay voavonjinao aza dia hatolotro ho amin' ny sabatra. **15** Hiantso hamafy, nefa tsy hijinja; Hianao hanosihosy oliva, nefa tsy hihosotra diloilo, Ary hanosihosy ranom-boaloboka, nefa tsy hisotro divay; **16** Fa fatra-pitandrina ny lalàn' i Omry Sy ny asan' ny taranak' i Ahaba rehetra ianareo Sady manaraka ny fisainany, Mba hanolorako anao ho figagana, Ary ny mponina any ho zavatra mampisitrisitra, Ka dia hitondra ny latsan' ny oloko ianareo.

7 Lozako! fa efa tonga toy ny fiotazam-boankazo aho Sy toy ny fitsimponam-boaloboka, Tsy misy salohy hohanina, Na aviavy mialin-taona, izay irin' ny fanahiko, **2** Lany tsy misy amin' ny tany intsony ny tsara fanahy; Eny, tsy misy olo-marina ao amin' ny olombelona; Samy manotrika handatsa-drà avokoa izy, Eny, mihaza ny rahalahiny amin' ny harato izy rehetra. **3** Vonona hanao ratsy ny tànany; Mila ny mpanapaka, Azon-kolikoly ny mpitsara, Ary ny lehibe milaza ny fitsiriritan' ny fanahiny, Koa izany no entiny mandrarirary azy. **4** Na dia ny tsara indrindra ao aminy aza dia toy ny roy, Ary na dia ny mahitsy indrindra ao aminy aza dia ratsy noho ny fefy tsilo; Avy ny andron' ny tilinao, izay hamaliana anao; Amin' izany dia vao ho very hevitra ianao. **5** Aza matoky namana ianareo, Aza mahazo am-po izay sakaiza mahazatra; Fa ambeno ny varavaran' ny vavanao na dia amin' izay andefimandrinao aza. **6** Fa ny zanakalahy manamavo ny rainy, Ny zanakavavy mitsangan-kanohitra ny reniny, Ary ny vinantovavy hanohitra ny rafozani-vavy; Ary ny ankohonan' ny olona ihany no fahavalony. **7** Fa izaho kosa dia hanandrandra an' i Jehovah, Eny, hiandry an' Andriamanitry ny famonjena ahy aho; Andriamanitro no hihaino ahy. **8** Aza mifaly ahy, ry fahavaloko, Fa na dia lavo aza aho, mbola hiarina ihany; Raha mitoetra ao amin' ny maizina aho, Dia Jehovah no fahazavana ho ahy. **9** Ny fahatezeran' i Jehovah dia hiaretako ihany, Fa efa nanota taminy aho, Ambara-pandahany ny teniko Sy hanomezany rariny ho ahy; Hamoaka ahy ho amin' ny mazava Izy, Ka ho faly aho mahita ny fahamarinany. **10** Dia hahita izany ilay fahavaloko ka hosaronan-kenatra, Dia ilay nanao tamiko hoe: Aiza Izay Jehovah Andriamanitrao? Ho faly mahita azy ny masoko; Ankehitriny dia ho fanitsakitsaka toy ny fotaka eny an-dalambe izy. **11** He ny andro hananganana ny mandanao! Amin' izany andro izany dia hitarina ny faritra. **12** Amin' izany andro izany koa dia hanatona anao ny olona Avy any Asyria sy avy any amin' ny tanànan' i Egypta, Eny, hatrany Egypta ka hatramin' ny Ony, Ary hatramin' ny ranomasina ka hatramin' ny ranomasina, Ary hatramin' ny tendrombohitra ka hatramin' ny tendrombohitra. **13** Nefa ho lao ny tany noho ny amin' ny mponina eo aminy, Dia noho ny vokatry ny asany. **14** Ny tehinao no ento miandry ny olonao, Dia ny ondry lovanao, Izay monina mitokana, dia any an' ala ao an-tampon' i Karmela; Aoka handrasana any Basana sy Gileada ireny Toy ny tamin' ny andro taloha ela. **15** Toy ny tamin' ny andro nivoahanao avy tany amin' ny tany Egypta No hanehoako azy zava-mahagaga. **16** Hahita izany ny jentilisa, Ka hahamenatra azy ny heriny rehetra; Hitampim-bava izy, Ho tonga marenina ny sofiny. **17** Hilelaka ny vovoka toy ny menarana izy; Hiala amin-kovitra avy ao amin' ny fiarovany mafy tahaka ny biby mikisaka amin' ny tany izy; Jehovah Andriamanitsika dia hohatoniny amin-kovitra, Eny, hatahotra Anao izy. **18** Iza no Andriamanitra tahaka Anao, Izay mamela heloka Sady mandalo ny fahadisoan' ny sisa amin' ny lovany? Tsy mitana ny fahatezerany ho mandrakizay Izy, Fa tia famindram-po. **19** Hamindra fo amintsika indray Izy Ka hanitsakitsaka ny fahotantsika, Eny, harianao ho any amin' ny ranomasina lalina ny fahotany rehetra. **20** Hanefa fahamarinana ho an' i Jakoba Hianao Sy famindram-po ho an' i Abrahama, Dia ilay nianiananao tamin' ny razanay hatramin' ny andro taloha ela.

Nahoma

1 Faminaniana ny amin' ny loza hanjo an' i Ninive, dia ny bokin' ny fahitan' i Nahoma Elkosita. **2** Andriamanitra saro-piaro sy mamaly heloka Jehovah; Jehovah dia Mpamaly heloka sady be fahatezerana; Jehovah dia Mpamaly ny rafilahiny Ary mitahiry fahatezerana hamelezany ny fahavalony. **3** Mahari-po Jehovah sady be hery Ary tsy mety manamarina ny meloka; Amin' ny tadio sy ny tafio-drivotra no lalan' i Jehovah. Ary rahona no vovoky ny tongony. **4** Miteny mafy ny ranomasina izy ka mahatankina azy Ary mandritra ny ony rehetra; Malazo Basana sy Karmela. Ary malazo koa ny vonin' i Libanona. **5** Mihorohoro eo anatrehany ny tendrombohitra, Sady miempo ny havoana, Ary mientanentana eo anatrehany ny tany, Dia ny tany onenana sy ny mponina rehetra ao aminy. **6** Iza no mahatoetra eo anoloan' ny fahavinirany? Ary iza no mahatanty ny firehitry ny fahatezerany? Aidina toy ny afo ny fahatezerany, Ary mirodana eo anoloany ny vatolampy. **7** Tsara Jehovah, fiarovana mafy amin' ny andro fahoriana, Ka mahalala izay mialoka aminy. **8** Fa amin' ny riaka manafotra no anafoanany ny fitoerany, Ary ny fahavalony dia henjehiny ho any amin' ny maizina. **9** Inona no heverinareo ho entimanohitra an' i Jehovah? Fahafonganana no hataony, Tsy hiverina fanindroany ny fahoriana. **10** Fa na dia miforiporitra toy ny tsilo aza ireny Sady vonton' ny divay mahery fibobohany, Dia ho levona tokoa toy ny vodivary maina izy. **11** Avy tao aminao no nivoahan' ny anankiray izay misaindratsy ho enti-manohitra an' i Jehovah Sady mamoronkevi-dratsy. **12** Izao no lazain' i Jehovah: Na dia tsy latsaka isa ka mbola maro aza ireny, Dia hofongorana ihany izy ka ho levona Fa efa nampahory anao Aho, Ka tsy hampahory anao intsony. **13** Fa ankehitriny hotapahiko ny ziogany ho afaka aminao, Ary hotosako ny famatorana anao. **14** Ary Jehovah efa nandidy ny aminao hoe: Tsy ho velo-maso intsony ny anaranao; Hataoko tapaka tsy ho ao an-tranon' ny andriamanitrao ny sarin-javatra voasokitra sy ny sarinjavatra an-idina; Hanao ny fasana ho anjaranao Aho, satria hita fa latsa-danja ianao. **15** Injany! any an-tendrombohitra ny tongotry ny mitondra teny soa mahafaly Sady mitory fiadanana! Tandremo ny andro firavoravoanao, ry Joda, Efao ny voadinao; Fa tsy handeha hamaky eo aminao intsony ilay tena ratsy fanahy, Indray ripaka izy rehetra.

2 Misy mpanorotoro miakatra hamely anao Ambeno ny manda, Tazano ny lalana, Hatanjaho ny valahanao, Hetseho mafy ny herinao! **2** Fa Jehovah efa mampody ny voninahitr' i Jakoba, Toy ny ampodiany ny voninahitr' Isiraely; Fa ny mpandroba efa nandroba azy Ary nanimba ny sampam-boalobony. **3** Nomenaina ny ampingan' ny lehilahy maheriny, Mitafy jaky ny miaramilany, Ny kalesiny dia misy vy mahery, mamirapiratra toy ny afo, amin' ny andro fiomanany, Ary antsodina ny lefona. **4** Ampiezahina eny an-dalambe ny kalesy Ka mifanaretsadretsaka eny ankalalahana; Tahaka ny harendrina no fijery azy, Mitsoriaka tahaka ny helatra izy. **5** Tsaroany ny lehilahy malazany, Kanjo tafintohina eny am-pandehanana ireny; Mihazakazaka ho any amin' ny manda ireny, Kanjo efa voatsangana sahady ny hamelezana azy. **6** Vohana ny vavahadindrenirano, Ary reraka ny lapa. **7** Izao no voatendry: ampitanjahina izy, dia lasan-ko babo, Ary ny ankizivavy mitoloko azy manao feom-boromailala Sady miteha-tratra. **8** Fa Ninive dia tahaka ny farihy hatrizay nisiany; Nefa handositra ihany ireny, Mijanòna, mijanòna e! Nefa tsy misy miherika. **9** Mamaboa volafotsy, Mamaboa volamena! Fa tsy hita lany ny rakitra soa, Dia ny habetsahan' ny fanaka mahafinaritra rehetra. **10** Indrisy! foana, eny, foana sady lao! Kivy ny fo, miady ny lohalika, Manaintaina ny valahany rehetra, Mivaloarika ny tarehiny rehetra. **11** Aiza ilay lavaky ny liona sy firemben' ny liona tanora? Ilay nandehanan' ny liona sy ny liom-bavy mbamin' ny zana-diona, Ka tsy nisy nanaitaitra azy, **12** Dia ilay liona namotipotika izay ampy ho an' ny zanany Ary nanenda ho an' ny liombaviny Sady nameno haza ny lavany Sy toha ny fonenany. **13** Indro, hamely anao Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, Holevoniko ho setroka ny kalesinao Ary hovonoiko sabatra ny liona tanoranao; Hofonganako amin' ny tany ny hazanao; Ka tsy ho re intsony ny feon' ny irakao.

3 Lozan' ny tanàna mpandatsa-drà! Feno lainga sy fandozana izy; Tsy ialan-dremby ao aminy. **2** Injany! ny fifiopioky ny karavasy! Ny fikorodondrodon' ny kodia! Ny fikatrokatroky ny soavaly! Ary ny fitraitraiky ny kalesy! **3** He! ny fampiriotry ny mpitaingin-tsoavaly! Akory ny fanelatselatry ny sabatra Sy ny famirapiratry ny lefona! Indrisy ny habetsahan' ny voatrabaka sy ny hamaroan' ny voavono! Tsy hita isa ny faty, Eny, voafingampingan' ny faty ny olona, **4** Noho ny habiazan' ny fijangajangan' ikala janga tsara tarehy, Tompovavin' ny fankatovana, Izay mivarotra firenena amin' ny fijangajangany Sy fokompirenena amin' ny fankatovany. **5** Indro, hamely anao Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro; Ary haingaiko ho amin' ny tavanao ny moron-tongotr' akanjonao, Ka hasehoko amin' ny firenena ny fitanjahanao Sy amin' ny fanjakana ny fahamenaranao. **6** Dia hotsipazako loto ianao Ka hataoko tsinontsinona, Eny, hataoko fitalanjonana ianao. **7** Arv izay rehetra mijery anao dia handositra anao Ka hanao hoe: Rava Ninive! Iza no hitomany azy? Aiza no hitadiavako izay hampionona anao? **8** Tsara noho Noamona va ianao? Ilay nitoetra teo anelanelan' ny ony Ka nohodidinin' ny rano; Ny rano be no rovany, Ary ny rano be koa no mandany; **9** Ny Etiopiana sy ny Egyptiana no heriny, Sady tsy hita lany ireny; Ny Lydiana sy ny Libyana no mpanampy azy. **10** Nefa na izy aza dia lasa, eny, lasan-ko babo; Ny zanany madinika koa notorotoroina teny anjoron-dalambe rehetra eny; Ny olo-malazany nanaovany filokana, Ary ny lehibeny rehetra nogadrana. **11** Hianao koa ho mamo ka hiafina, Hianao koa hitady fiarovana mafy hierenao ny fahavalonao. **12** Ny manda mafinao rehetra ho tahaka ny aviavy misy voa mialin-taona: Raha hohozongozonina izy, dia hihintsana ao am-bavan' izay hihinana aza. **13** Indro, vehivavy no olonao ao aminao; Hidiran' ny fahavalonao no hidananan' ny vavahadin' ny taninao; Levon' ny afo ny hidinao. **14** Manangona rano ho

anao ho an' ny fahirano; Hamafio ny mandanao; Mirotsaha amin' ny fotaka, ka hosihoseo ho feta, Amboary ny lafaoro fandoroam-biriky. **15** Any no handevonan' ny afo anao Sy handripahan' ny sabatra anao; Hohaniny toy ny fihinan' ny valalavao ianao; Mihamaroa toy ny valalavao, Mihabetsaha toy ny valala. **16** Nataonao betsaka noho ny kintana eny amin' ny lanitra ny mpandrantonao; Mipariaka ny valalavao ka lasa manidina. **17** Ny andriananao dia toy ny valala, Ary ny mpifehinao dia toy ny valalavao, Izay mitoby eny amin' ny fefy, raha mangatsiaka ny andro; Fa raha miposaka ny masoandro, dia lasa manidina izy, Ka tsy fantatra izay nalehany. **18** Rendrehana ny mpiandrinao, ry mpanjakan' i Asyria; Miampatrampatra ny lehilahy maherinao; Aely eny an-tendrombohitra ny olonao. Ka tsy misy mamory azy. **19** Tsy mety mihena ny fangirifirianao, Tsy azo sitranina ny ferinao; Izay rehetra ilazana ny nanjo anao dia hitehatanana anao; Fa iza no tsy efa tratry ny fandozanao mandrakariva?

Habakoka

1 Faminaniana ny loza hanjo, izay hitan' i Habakoka mpaminany. **2** Jehovah ô, indrisy ny hahelan' ny efa nitarainako, Nefa tsy nohenoinao! Mitaraina aho hoe: Loza! Nefa tsy vonjenao ihany. **3** Nahoana no ataonao mahita faharatsiana aho. Ary mijery fahoriana Hianao? Fa fandravana sy loza no eo anatrehako, Ary misy ady, sady miseho ny fifandirana. **4** Koa noho izany dia ngoly ny lalàna, Ary tsy mivoaka ny rariny; Fa irohonan' ny ratsy fanahy ny marina, Ka izany no ivoahan' ny fitsarana miangatra. **5** Jereo any amin' ny jentilisa, ka diniho, ary gagà dia gagà; Fa manao zavatra amin' ny andronareo Aho, Izay tsy hinoanareo, na dia holazaina aminareo aza. **6** Fa, indro, atsangako ny Kaldeana, Dia ilay firenena masiaka sady mirehidrehitra, Izay mamaky eran' ny tany Hahazoany fonenana izay tsy azy. **7** Mahatsiravina sy mahatahotra izy; Avy amin' ny tenany ihany ny fitsarany sy ny fahalehibiazany. **8** Faingana noho ny leoparda ny soavaliny Sady masiaka noho ny amboadia hariva; Ny mpitaingin-tsoavaliny mampiriotra, eny, ny mpitaingin-tsoavaliny dia avy lavitra; Miezaka toy ny voromahery maika hihinana izy. **9** Hampidi-doza no ihavian' izy rehetra; Ny handroso ihany no atrehiny fatratra, Ka manangona sambotra toy ny fasika izy. **10** Izy manakora ny mpanjaka, Ary ihomehezany ny mpanapaka; Ny tanàna mimanda rehetra dia ihomehezany, Ka dia manandratra tovon-tany izy ka mahafata azy. **11** Dia mihelina toy ny rivotra izy Ary mandroso ka mahazo heloka. Izany heriny izany no andriamaniny! **12** Tsy hatrizay hatrizay va Hianao, Jehovah Andriamanitro, Iray Masiko? Tsy ho faty izahay; Ry Jehovah ô, ho famaizana no nanendrenao ireny, Ry Vatolampy ô, fananarana no nananganànao azy **13** Hianao, Izay madio maso ka tsy te-hitsinjo ny ratsy Ary tsy mahajery fahoriana, Nahoana Hianao no mijery izay mamitaka Ary mangìna, raha ny ratsy fanahy mandrapaka ny marina noho izy, **14** Ary manao ny olona ho toy ny hazandrano any an-dranomasina, Sy ho toy ny biby mandady sy mikisaka, izay tsy mana-mpanapaka? **15** Aingainy amin' ny fintana izy rehetra, Samboriny amin' ny haratony Ary sarihany amin' ny harato tarihiny; Ka dia faly sy ravoravo izy. **16** Koa izany no amonoany zavatra hatao fanatitra ho an' ny haratony sy andoroany ditin-kazo manitra ho an' ny harato tarihiny; Fa ireo no ahazoany hanina matsiro sy anjara matavy. **17** Koa noho izany dia hanaisotra ny ao amin' ny tandrohony va izy Ary hamono firenena mandrakariva ka tsy hiantra?

2 Hitsangana eo ambonin' ny fitazanako aho Ary hijoro eo ambonin' ny manda, Hiandry hahitako izay holazainy amiko Sy izay havaliko amin' ny fitarainako. **2** Dia namaly ahy Jehovah ka nanao hoe: Soraty ny fahitana, ka ataovy velona tsara ny soratra eo amin' ny fàfana, Mba ho azon' ny mihazakazaka hovakina aza. **3** Fa ny fahitana dia mbola ho amin' ny fotoan' andro, Ary mikendry ny farany izy ka tsy ho diso; Eny, na dia mitaredretra aza izy, andraso ihany, Fa ho avy tokoa izy ka tsy hijanona. **4** Indro, feno avonavona ny fanahin' ireny, fa tsy mahitsy ao anatiny, Fa ny marina ho velon' ny finoany. **5** Ary koa, mamitaka ny divay; Ny olona miavonavona tsy mba mahatoetra, Dia ilay mitanatana vava tahaka ny fiainan-tsi-hita, Eny, toy ny fahafatesana, ka tsy mety voky, Fa manangona ny firenena rehetra ho ao aminy Sy mamory ny olona rehetra ho ao aminy. **(Sheol h7585)** **6** Tsy hanao oha-teny hamelezana azy va ireto rehetra ireto? Tsy hanao eson-teny sy fitenenana hanoherana azy va izy ka hanao hoe: Lozan' izay mahery mandroaka ny tsy azy! Mandra-pahoviana! dia ilay mivesatra ny zavatra nalaina ho tsatòka **7** Tsy hitsangana tampoka va izay hanaikitra anao, Ary tsy hifoha va izay hanaitaitra anao, Ka ho babony ianao? **8** Fa efa namabo firenena maro ianao, Ka dia mba hobaboin' ny sisa rehetra amin' ny firenena kosa, Noho ny ran' ny olona sy ny fandozana natao tamin' ny tany, Dia tamin' ny tanàna sy ny mponina rehetra ao aminy. **9** Lozan' izay fatra-pila harena amin' ny tsy marina ho an' ny taranany, Hanaovany ny akaniny any amin' ny avo, Mba tsy ho tratry ny tanan' ny loza **10** Efa namoron-tsaina izay hahatonga henatra ho an' ny taranakao ianao, Dia ny handringanana firenena maro; Ary nankahà-doza hihatra amin' ny ainao ianao. **11** Fa hitaraina ny vato ao amin' ny rindrina, Ary ny sakamandimby ao amin' ny trano no hamaly azy. **12** Lozan' izay manao vohitra amin' ny fandatsahan-drà Sy manorina tanàna amin' ny heloka! **13** Indro, tsy avy amin' i Jehovah, Tompon' ny maro, va no hiasan' ny olona ho an' ny afo, Sy hisasaran' ny firenena noho ny zava-poana? **14** Fa ny tany ho feno ny fahalalana ny voninahitr' i Jehovah, Toy ny fanaron' ny rano ny fanambanin' ny ranomasina. **15** Lozan' izay mampisotro divay ny namany Dia ianao izay manampy fahatezerana ka mampahamano azy, Mba hijery ny fitanjahany; **16** Efa feno henatra ianao, fa tsy voninahitra; Mba sotroy koa, ka mitanjaha; Hatolotra anao ny kapoaka eny an-tanana ankavanan' i Jehovah, Ary fahamenarana no ho amin' ny voninahitrao. **17** Fa hanody anao ny loza natao tamin' i Libanona Sy ny fandringanana mahatahotra namelezana ny biby, Noho ny ran' ny olona sy ny loza natao tamin' ny tany, Dia tamin' ny tanàna sy ny mponina rehetra ao aminy. **18** Mahasoa inona ny sarin-javatra voasokitra, No misokitra azy ny mpanao azy? Na ny sarin-javatra an-idina sy ny mpampianatra lainga, No matoky azy izay namorona azy Tamin' ny nanaovany sampy moana? **19** Lozan' izay manao amin' ny hazo hoe: Mifohaza! Ary amin' ny vato moana hoe: Mitsangàna! Hampianatra va ireo? He! voapetaka takela-bolamena sy volafotsy ihany izy, Nefa tsy misy fanahy akory ao anatiny. **20** Jehovah dia ao amin' ny tempoliny masìna; Mangìna eo anatrehany, ry tany rehetra!

3 Ny fivavak' i Habakoka mpaminany. Araka ny Sigionota. **2** Jehovah ô, efa reko ny filazana Anao, ka raiki-tahotra aho; Jehovah ô, velomy ny asanao ao an-tenatenan' ny taona, Ataovy fantatra ao an-tenatenan' ny taona izany; Na dia tezitra aza Hianao, tsarovy ny indrafo. **3** Tamy avy any Temana Andriamanitra, Dia ny iray Masìna avy any an-tendrombohitra Parana. (Sela) Manarona ny lanitra ny voninahiny, Ary manenika ny tany ny fiderana Azy. **4** Misy famirapiratana toy ny mazava, Ary misy tàna-masoandro

avy eo amin' ny tànany; Ary ao no fieren' ny heriny. **5** Eo alohany no andehanan' ny areti-mandringana, Ary areti-mandripaka no mivoaka avy eo aoriany. **6** Mijanona Izy ka manozongozona ny tany; Mijery Izy ka mampangovitra ny firenena, Ary torotoro ny tendrombohitra mandrakizay, Mietry ny havoana fahagola, Fanaony hatry ny fahagola ny Azy. **7** Mahita ny lain' i Kosana azom-pahoriana aho, Sady mipararetra ny ambain-dain' ny tany Midiana. **8** Moa amin' ny ony va no irehetan' ny fahatezeran' i Jehovah? Amin' ny ony va no ahatezeranao, Na amin' ny ranomasina va no ahasosoranao, No dia mitaingina ny soavalinao sy ny kalesim-pamonjenao Hianao? **9** Nalan-tsarona ny tsipìkanao; Efa nianianana ny fikapohan' ny teny. (Sela) Namakivaky ny tany Hianao mba hisy ony. **10** Nahita Anao ny tendrombohitra ka toran-kovitra; Mirotsaka ny ranonorana mivatravatra, Mamoa-peo ny lalina Sady manangan-tanana ho amin' ny avo. **11** Ny masoandro sy ny volana niditra teo amin' ny fitoerany, Noho ny fahazavan' ny zana-tsipìkanao mitsoriaka Sy ny fanelatselatry ny lefonao mamirapiratra. **12** Amin' ny fahatezeranao no anitsahanao ny tany; Amin' ny fahaviniranao no anosihosenao ny firenena. **13** Mivoaka hamonjy ny olonao Hianao, dia hamonjy ny voahosotrao; Torotoroinao ny tapenaky ny tranon' ny ratsy fanahy, Ka ahariharinao hatreo an-tenatenany ny fanorenany. (Sela) **14** Ny lefony ihany no anaboroahanao ny lohan' ireo miaramilany betsaka, Izay avy toy ny tadio hanely ahy, Sady mifaly handany mangingina ny ory izy. **15** Mitety ny ranomasina amin' ny soavalinao Hianao, Dia eny amin' ny rano be miavovona. **16** Nony mandre aho, dia mandevilevy ny kiboko; Ny molotro mipararetra noho ny feo; Azon' ny fahalòvana ny taolako, ary mangovitra aho; Fa tsy maintsy miandry ny andro fahoriana aho, Dia izay hiakaran' ny mpanao andiany hamely ny olonao. **17** Fa na dia tsy mamontsina aza ny aviavy, Ary tsy misy voany ny voaloboka, Na dia mahadiso fanantenana aza ny oliva, Ary tsy mahavokatra hohanina ny saha, Na dia vonoina aza ny ondry ao amin' ny vala, Ary tsy misy omby ao am-pahitra, **18** Nefa izaho dia mbola hifaly amin' i Jehovah ihany Sy hiravoravo amin' Andriamanitry ny famonjena ahy. **19** Jehovah Tompo no tanjako, Ary manao ny tongotro ho toy ny an' ny dieravavy Izy Ka mampandeha ahy any amin' ny havoanako. Ho an' ny mpiventy hira. Hampiarahina amin' ny valiha.

Zefania

1 Ny tenin' i Jehovah, izay tonga tamin' i Zefania, zanak' i Kosy, zanak' i Gedalia, zanak' i Amaria, zanak' i Hezekia, tamin' ny andro nanjakan' i Josia, zanak' i Amona, mpanjakan' ny Joda. **2** Hakifako tokoa ny zavatra rehetra tsy ho eny ambonin' ny tany, hoy Jehovah; **3** Eny, hakifako ny olona sy ny biby; Hakifako ny vorona eny amin' ny habakabaka sy ny hazandrano any an-dranomasina. Ary ny zavatra mahatafintohina mbamin' ny ratsy fanahy, Haringako tsy ho amin' ny tany ny olona, hoy Jehovah. **4** Ary hahinjitro ny tanako hamely ny Joda sy ny mponina rehetra any Jerosalema; Dia haringako tsy ho eo amin' ity tany ity ny sisa amin' i Bala, Sy ny anaran' ny mpisorona amin' ny andriamani-tsi-izy mbamin' ny tena mpisorona, **5** Sy izay mivavaka any an-tampon-trano amin' izay eny amin' ny lanitra, Ary izay miankohoka sy mianiana ho an' i Jehovah Sady mianiana amin' i Malkama, **6** Ary izay nihemotra niala tamin' i Jehovah, Sy izay tsy nitady an' i Jehovah na nanontany taminy. **7** Mangìna eo anatrehan' i Jehovah Tompo! Fa efa antomotra ny andron' i Jehovah; Fa Jehovah efa niomana hamono zavatra hatao fanatitra Ka efa nanamasina ny olona nasainy. **8** Ary raha mby amin' ny andro hamonoan' i Jehovah zavatra hatao fanatitra, Dia hovaliako ny lehibe sy ny zanak' andriana Mbamin' izay rehetra mitafy ny fitafin' ny firenena hafa. **9** Ary amin' izany andro izany dia hovaliako izay rehetra miezaka mihoatra ny tokonana, Dia ireo mameno loza sy fitaka ny tranon' ny tompony. **10** Ary amin' izany andro izany, hoy Jehovah, Dia hisy feo re mitaraina any am-bavahadin-kazandrano, Sy fidradradradrana ao amin' ny tanàna ambany, Ary fidarabohana miezinezina any amin' ny havoana. **11** Midradradradrà, ianareo mponina ao Maktesy; Fa ringana avokoa ny mpandranto rehetra, Eny, lany ringana izay rehetra nivesatra volafotsy. **12** Ary amin' izany andro izany dia hotsiloviko amin' ny jiro Jerosalema, Ka hovaliako ny olona izay efa lefy ao amin' ny faikany, Dia izay manao anakampo hoe: Sady tsy hanao soa Jehovah no tsy hanao ratsy. **13** Ka dia ho tonga babo ny fananan' ireny, Ary ho lao ny tranony; Dia hanao trano izy, nefa tsy hitoetra ao, Hamboly voaloboka izy, nefa tsy hisotro ny divay avy aminy. **14** Efa antomotra ny andro lehiben' i Jehovah; Eny, efa antomotra sady mihafaingana indrindra, Injay! feon' ny andron' i Jehovah! Ny lehilahy mahery dia mitomany mafy any. **15** Andro fahatezerana izany andro izany, Andro fahoriana sy fahalahelovana, Andro fandravana sy fanafoanana, Andro maizina sy manjombona, Andro mandrahona sy maizim-pito. **16** Andro fahaveloman' ny anjomara sy ny akora, Hamelezana ny tanàna mimanda sy ny tilikambo avo eny amin' ny zorony. **17** Ary hampahory ny olona Aho, Handehanany toy ny jamba, Satria efa nanota tamin' i Jehovah izy; Ny ràny dia haidina toy ny vovoka, Ary ny nofony ho toy ny zezika. **18** Na ny volafotsiny na ny volamenany dia samy tsy hahavonjy azy amin' ny andro fahatezeran' i Jehovah, Fa holevonin' ny afon' ny fahasaro-piarony ny tany rehetra; Fa fahafonganana, eny, fahafonganana tampoka tokoa no hataony amin' ny mponina amin' ny tany.

2 Miangona, eny, mivoria ianareo Ry firenena tsy manan-kenatra, **2** Dieny tsy mbola mihatra ny didy (Mihelina toy ny akofa ny andro!), Dieny tsy mbola tonga aminareo ny fahatezerana mafin' i Jehovah, Eny, dieny tsy mbola tonga aminareo ny andro firehetan' ny fahatezeran' i Jehovah. **3** Mitadiava an' i Jehovah, ianareo mpandefitra rehetra amin' ny tany, Izay efa nanaraka ny fitsipiny: Tadiavo ny fahamarinana, Tadiavo ny fandeferana; Angamba ho voafina ianareo amin' ny andro fahatezeran' i Jehovah. **4** Fa hafoy Gaza, Ary ho lao Askelona; Horoahiny mitataovovonana Asdoda, Ary hofongorana Ekrona. **5** Lozan' ny mponina any amoron-tsiraka, Dia ny firenen' ny Keretita! Mihatra aminareo ny tenin' i Jehovah, Ry Kanana, tanin' ny Filistina! Haringako tsy hisy mponina eo aminao, **6** Ary ny any amoron-tsiraka dia ho tonga tany fiandrasana ondry, izay misy zohy fialofan' ny mpiandry ondry, Sy ho valan' ondry aman' osy, **7** Ary ho tanin' ny sisa amin' ny taranak' i Joda izany, Ka any no hiandrasany ondry; Ny tranon' i Askelona no handriany amin' ny hariva; Fa Jehovah Andriamaniny no hamangy azy Ka hampody azy avy amin' ny fahababoany. **8** Efa reko ny fandatsan' i Moaba Sy ny fanaratsian' ny taranak' i Amona, Izay nandatsany ny oloko Sy nireharehany teny amin' ny sisin-taniny. **9** Koa raha velona koa Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely, Dia ho tahaka an' i Sodoma tokoa Moaba, Ary ny taranak' i Amona ho tahaka an' i Gomora, Dia ho alan' amiana sy lava-tsira ary tany lao mandrakizay; Ny sisa amin' ny oloko no hamabo azy, ary ny sisa amin' ny oloko no hahalasa azy. **10** Izany no ho valin' ny avonavony, Satria nandatsa ny olon' i Jehovah, Tompon' ny maro, sy nirehareha taminy izy. **11** Hahatsiravina azy Jehovah, Satria hahamosarena ireo andriamanitra rehetra ambonin' ny tany Izy, Mba hiankohofan' ny any amoron-tsiraky ny jentilisa rehetra eo anatrehan' i Jehovah, Samy any amin' ny fitoerany avy. **12** Hianareo Etiopiana koa, Ho voatrabaky ny sabatro ianareo. **13** Ary haninjitra ny tànany hamely ny avaratra Izy Ka handringana an' i Asyria; Ary hahalao an' i Ninive ho karankaina tahaka ny efitra Izy. **14** Ary hisy andiany handry ao aminy, Dia fivorian' ny karazam-biby samy hafa, Ny sama sy ny sokina hitoetra ao amin' ny kapitaliny; Feo mikiririoka no ho re ao am-baravarankely, Ary fandravana no ho eo an-tokonana, Fa hendahany ny rafitra sedera. **15** Izany no tanàna niravoravo sady nandry fahizay, Izay nanao anakampo hoe: Izaho no izy, ary tsy misy hafa; Endrey! efa tonga lao izy, eny, fandrian' ny biby! Izay rehetra mandalo azy dia hisitrisitra sy hanondro tanana.

3 Lozan' ny tanàna miodina sady voaloto, Dia ilay mampahory! **2** Tsy nihaino ny feo izy, Na nino anatra; Jehovah tsy nitokiany, Andriamaniny tsy nohatoniny. **3** Liona mierona ao aminy ireo lehibeny; Amboadia hariva ny mpitsarany Ka tsy mamela ho tra-maraina. **4** Vavana sady mpamitaka ny mpaminaniny; Mandoto izay masìna ny mpisorony, Eny, mamadika ny lalàna izy. **5** Jehovah

no marina ao afovoany, Tsy manao izay tsy marina Izy;
Isa-maraina isa-maraina no amoahany ny fitsarany ho
amin' ny mazava, ka tsy diso izany. Fa ny tsy marina tsy
mba mahalala henatra. **6** Efa nahafongana firenena Aho,
Rava ny tilikambo eny amin' ny zorony; Nosimbako ny
lalany tsy hisy mpandeha; Rava ny tanànany, ka tsy misy
olona, Eny, tsy misy mponina. **7** Hoy Izaho: Hatahotra Ahy
tokoa ianao ka hino anatra, Dia tsy ho rava ny fonenanao,
Araka izay rehetra voatendriko hamelezana anao; Kanefa
nifoha maraina koa izy ka nanao Izay ratsy rehetra. **8** Koa
miandrasa Ahy ianareo, hoy Jehovah, Ambara-pihavin' ny
andro hitsanganako haka babo; Fa izao no kasaiko hatao:
Hamory firenena sy hanangona fanjakana Aho, Hanidinako
ny fahatezerako amin' ireo, dia ny firehetan' ny fahatezerako
rehetra, Ka ho levon' ny afon' ny fahasaro-piaroko ny tany
rehetra. **9** Fa amin' izany dia hovako ho madio ny molotry
ny firenena, Hiantsoan' izy rehetra ny anaran' i Jehovah,
hanompoany Azy amin' ny firaisan-kina. **10** Avy any an-
dafin' ny onin' i Etiopia no hitondrana ny mpivavaka amiko,
Dia ny zanakavavin' izay naeliko, ho fanatitra ho Ahy. **11**
Amin' izany andro izany dia tsy ho menatra ianao tamin'
izay nataonao rehetra, Izay nanotanao tamiko; Ka dia
hesoriko aminao ireo mibitaka amim-pireharehana, Ary tsy
hiavonavona eo an-tendrombohitro masìna intsony ianao.
12 Nefa hamelako olona ory sy malahelo ihany ao aminao,
Ary ny anaran' i Jehovah no hialofany, **13** Ny sisa amin' ny
Isiraely dia tsy hanao meloka na handainga, Ary tsy hisy
lela mamitaka eo am-bavany; Fa hihinana sy handry izy, ka
tsy hisy hanaitaitra azy. **14** Mihobia, ry Ziona zanakavavy;
Manaova feo fifaliana, ry Isiraely; Mifalia sy miravoravoa
amin' ny fonao rehetra, ry Jerosalema zanakavavy. **15**
Jehovah efa nampitsahatra ny fitsarana anao ka nandroaka
ny fahavalonao; Jehovah, Mpanjakan' ny Isiraely, no ao
aminao; Tsy hahita loza intsony ianao. **16** Amin' izany
andro izany dia holazaina amin' i Jerosalema hoe: Aza
matahotra Ary aza miraviravy tanana, ry Ziona. **17** Jehovah
Andriamanitrao no ao aminao, Mahery Izy ka hamonjy;
Hiravoravo anao amin' ny fifaliana Izy; Ho sondriana amin'
ny fitiavany Izy; Hifaly anao amin' ny fihobiana Izy. **18**
Hangoniko izay manina ny fotoam-pivavahana; Avy aminao
ihany ireny, Ary itambesaran' ny latsa izy. **19** Indro, hasiako
amin' Izany andro izany izay rehetra nampahory anao;
Hovonjeko ny mandringa, ary hovoriko ny noroahina, Eny,
hataoko ho fiderana sy ho anarana ireny izay efa nitondra
henatra tany amin' ny tany rehetra. **20** Amin' izany andro
izany no hitondrako anareo miditra, Eny, amin' izany andro
izany no hanangonako anareo; Fa hataoko ho anarana
sy ho fiderana any amin' ny firenena rehetra amin' ny
tany ianareo, Raha hampodiko avy amin' ny fahababoana
ianareo, ka ho hitan' ny masonareo izany, hoy Jehovah.

Hagay

1 Tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahenina tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Dariosa mpanjaka no nahatongavan' ny tenin' i Jehovah nentin' i Hagay mpaminany tamin' i Zerobabela, zanak' i Sealtiela, governora tany Joda, sy tamin' i Josoa, zanak' i Jozadaka, mpisoronabe, nanao hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Ity firenena ity nanao hoe: Tsy mbola tonga ny andro tokony hihaviana hanaovana ny tranon' i Jehovah. **3** Dia tonga ny tenin' i Jehovah nentin' i Hagay mpaminany nanao hoe: **4** Moa andro tokony hitoeran' ny tenanareo ao amin' ny tranonareo misy valin-drihana va izao, kanefa rava ity trano ity? **5** Koa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Hevero ny lalanareo. **6** Efa namafy be ianareo, nefa kely no taomina: mihinana ianareo, nefa tsy voky; misotro ianareo, nefa tsy afa-po; mitafy ianareo, nefa tsy misy mafana; ary izay mahazo karama dia mahazo karama hatao an-kitapo loaka. **7** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Hevero ny lalanareo. **8** Miakara any an-tendrombohitra, ka makà hazo, ary ataovy ny trano, dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina Aho, hoy Jehovah. **9** Nanampo be ianareo, kanjo indro, kely monja; ary nony notaominareo, dia notsofiko. Nahoana? hoy Jehovah, Tompon' ny maro. Satria efa rava ny tranoko, nefa ianareo samy mihazakazaka hanao ny tranonareo avy. **10** Ary noho izany dia ny aminareo no nitsaharan' ny lanitra tsy hampilatsaka ando sy nitsaharan' ny tany tsy hahavokatra. **11** Ary niantso ny fahamainana Aho hamely ny tany sy ny tendrombohitra sy ny vary sy ny ranom-boaloboka sy ny diloilo sy izay vokatry ny tany ary ny olona sy ny biby fiompy mbamin' izay rehetra efa nisasaran' ny tanana. **12** Ary Zerobabela, zanak' i Sealtiela, sy Josoa, zanak' i Jozadaka, mpisoronabe, mbamin' ny sisa rehetra amin' ny vahoaka, dia nihaino ny feon' i Jehovah Andriamaniny sy ny tenin' i Hagay mpaminany, araka ny nanirahan' i Jehovah Andriamaniny azy, ary natahotra teo anatrehan' i Jehovah ny olona. **13** Ary nambaran' i Hagay, irak' i Jehovah, ny teny nampitondrain' i Jehovah ho amin' ny olona nanao hoe: Izaho no momba anareo, hoy Jehovah. **14** Dia notairin' i Jehovah ny fanahin' i Zerobabela, zanak' i Sealtiela, governora any Joda, sy ny fanahin' i Josoa, zanak' i Jozadaka mpisoronabe, sy ny fanahin' ny sisa rehetra amin' ny vahoaka; ary dia avy izy ka nandrafitra ny tranon' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamaniny, **15** tamin' ny andro fahefatra amby roa-polo tamin' ny volana fahenina tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Dariosa.

2 Tamin' ny andro fahiraika amby roa-polo tamin' ny volana fahafito no nahatongavan' ny tenin' i Jehovah nentin' i Hagay mpaminany nanao hoe: **2** Lazao amin' i Zerobabela, zanak' i Sealtiela, governora any Joda, sy amin' i Josoa, zanak' i Jozadaka, mpisoronabe, ary amin' ny sisa amin' ny vahoaka hoe: **3** Iza no mbola sisa aminareo, izay nahita ity trano ity tamin' ny voninahiny taloha? Fa manao ahoana kosa ny fahitanareo azy izao? Moa tsy toy ny tsinontsinona eo imasonareo ity? **4** Nefa mahereza ankehitriny, ry Zerobabela, hoy Jehovah; ary mahereza, ry Josoa, zanak' i Jozadaka, mpisoronabe; ary mahereza, ianareo vahoaka rehetra, hoy Jehovah, ka miasà; fa Izaho no momba anareo, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, **5** araka ny teny fanekena nataoko taminareo, fony nivoaka avy tany Egypta ianareo, ary ny Fanahiko dia mbola mitoetra ao aminareo ihany; koa aza matahotra ianareo. **6** Fa izao no lazain' i Jehovah. Tompon' ny maro: Indray maka koa, raha afaka kelikely, dia hampihorohoroiko ny lanitra sy ny tany ary ny ranomasina sy ny tany maina; **7** ary hampihorohoroiko koa ny firenena rehetra, ka ho avy izay irin' ny firenena rehetra; ary hofenoiko voninahitra ity trano ity, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **8** Ahy ny volafotsy, ary Ahy ny volamena, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **9** Ny voninahitr' ity trano ity any am-parany dia ho lehibe noho ny tany aloha, hoy Jehovah, Tompon' ny maro; ary eto amin' ity fitoerana ity no hanomezako fiadanana, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **10** Tamin' ny andro fahefatra amby roa-polo tamin' ny volana fahasivy tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Dariosa no nahatongavan' ny tenin' i Jehovah nentin' i Hagay mpaminany nanao hoe: **11** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Andeha maka hevitra amin' ny mpisorona hoe: **12** Raha misy mitondra hena masìna eny an-tsisin-dambany, ka voakasiky ny sisin-dambany ny mofo; na izay voahandro, na ny divay, na ny diloilo, na izay mety ho fihinana, moa ho tonga masìna koa va ireo? Dia namaly ny mpisorona nanao hoe: Tsia. **13** Ary hoy Hagay: Raha misy maloto amim-paty mikasika ireo, moa ho tonga maloto koa va ireo? Dia namaly ny mpisorona nanao hoe: Ho tonga maloto ireo. **14** Dia namaly Hagay nanao hoe: Tahaka izany eo anatrehako ireto olona ireto, ary tahaka izany ity firenena ity, hoy Jehovah; ary tahaka izany koa ny asan' ny tànany rehetra; fa izay ateriny ao dia maloto. **15** Koa masìna ianareo, hevero ny hatramin' izao andro anio izao no ho mankary, dia fony tsy mbola nisy vato nifanongoa tao amin' ny tempolin' i Jehovah; **16** fony tamin' izany andro izany raha nisy nankamin' ny vary roa-polo mifatra, dia folo ihany; raha nisy nankamin' ny vata fanantazana ranom-boaloboka hananty indimam-polon' ny famarana, dia roa-polo ihany. **17** Ny vary main' ny rivotra sy maty fotsy sy ny havandra no namelezako anareo tamin' ny asan' ny tananareo rehetra; nefa tsy niverina tamiko ihany ianareo, hoy Jehovah. **18** Masìna ianareo, hevero ny hatramin' izao andro anio izao no ho mankary, dia hatramin' ny andro fahefatra amby roa-polo amin' ny volana fahasivy, eny, hevero hatramin' ny andro nanorenana ny tempolin' i Jehovah. **19** Mbola ao an-tsompitra ihany va ny voan-javatra? Na dia ny voaloboka sy ny aviavy sy ny ampongabendanitra sy ny oliva aza dia tsy mbola mamoa; hatramin' izao andro anio izao no hitahiako anareo. **20** Ary tonga fanindroany tamin' i Hagay ny tenin' i Jehovah tamin' ny andro fahefatra amby roa-polo nanao hoe: **21** Lazao amin' i Zerobabela, governora any Joda, hoe: Hampihorohoroiko ny lanitra sy ny tany **22** dia hahohoko ny seza fiandrianan' ny fanjakana, ary hofoanako ny herin' ny fanjakan' ny firenena; ary hahohoko ny kalesiny sy ny mitaingina eo aminy; ary samy ho lavon' ny sabatry ny namany avy ny soavaly sy ny mpitaingina azy. **23**

Amin’ izany andro izany, hoy Jehovah, Tompon’ ny maro,
dia horaisiko ianao, ry Zerobabela mpanompoko, zanak’ i
Sealtiela, hoy Jehovah, ka hataoko toy ny fanombohan-
kase ianao; fa efa nifidy anao Aho, hoy Jehovah, Tompon’
ny maro.

Zakaria

1 Tamin' ny volana fahavalo tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Dariosa no nahatongavan' ny tenin' i Jehovah tamin' i Zakaria mpaminany, zanak' i Berekia, zanak' Ido, nanao hoe: **2** Tezitra indrindra tamin' ny razanareo Jehovah. **3** Koa lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Miverena amiko ianareo, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, dia mba hiverina ho aminareo kosa Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **4** Aza mba toy ny razanareo, izay nantsoin' ny mpaminany fahiny hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Mialà amin' ny lalanareo ratsy ianareo sy amin' ny ratsy fanaonareo; nefa tsy nitandrina izy, na nihaino Ahy, hoy Jehovah. **5** Ny razanareo — aiza moa ireny izao? Ary ny mpaminany — moa velona mandrakizay va ireny? **6** Fa ny teniko sy ny didiko, izay nandidiako ny mpaminany mpanompoko, tsy nahatratra ny razanareo va izany? Ary izy nitodika ka nanao hoe: Araka izay nosainin' i Jehovah, Tompon' ny maro, hatao amintsika, araka ny alehantsika sy ny ataontsika, dia araka izany no nataony tamintsika. **7** Tamin' ny andro fahefatra amby roa-polo tamin' ny volana fahiraika ambin' ny folo (volana Sebata izany) tamin' ny taona faharoa nanjakan' i Dariosa dia tonga tamin i Zakaria mpaminany, zanak' i Berekia, zanak' Ido, ny tenin' i Jehovah nanao, hoe: **8** Nahita tamin' ny alina aho fa, indro, nisy lehilahy nitaingina soavaly mena ka nijanona teny amin' ny rotra teny an-dohasaha, ary teo aoriany nisy soavaly mena sy mavo ary fotsy. **9** Dia hoy izaho: Tompoko ô, inona moa ireo? Ary ilay anjely niresaka tamiko dia nanao tamiko hoe: Izaho haneho anao ny amin' ireo. **10** Ary ralehilahy izay nijanona teny amin' ny rotra dia namaly hoe: Ireo dia nirahin' Jehovah hivoivoy eny amin' ny tany. **11** Ary namaly Ilay Anjelin' i Jehovah nijanona teny amin' ny rotra ireo ka nanao hoe: Efa nivoivoy teny amin' ny tany izahay, ary, indro, ny tany rehetra dia miadana sy mandry fahizay. **12** Ary Ilay Anjelin' i Jehovah namaly hoe: He, Jehovah, Tompon' ny maro ô! mandra-pahoviana no tsy hamindranao fo amin' i Jerosalema sy amin' ny tanànan' ny Joda, izay efa nahatezitra Anao fito-polo taona izay. **13** Dia novalian' i Jehovah teny tsara sy mampionona ilay anjely niresaka tamiko. **14** Ary ilay anjely niresaka tamiko dia nanao tamiko hoe: Miantsoa hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Saro-piaro dia saro-piaro an' i Jerosalema sy Ziona Aho. **15** Ary tezitra indrindra Aho amin' ireo firenena miadana; satria Izaho dia tezitra kely ihany, fa ireo kosa dia nampitombo ny fahoriana. **16** Koa izao no lazain' i Jehovah: Efa tafaverina eto Jerosalema amin' ny indrafo Aho; ny tranoko haorina eto, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, ary ny famolaina hohenjanina eto Jerosalema. **17** Miantsoa indray hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Hihoa-pampana ny fanambinana ny tanànako; ary Jehovah hampionona an' i Ziona ary mbola hifidy an' i Jerosalema indray. **18** Ary natopiko ny masoko, ka hitako fa, indreo, nisy tandroka efatra. **19** Ary hoy izaho tamin' ilay anjely niresaka tamiko: Inona moa ireo? Dia hoy izy tamiko: Ireo no tandroka izay nampihahaka ny Joda sy ny Isiraely ary Jerosalema. **20** Ary dia nanehoan' i Jehovah mpiasa efatra aho. **21** Dia hoy izaho: Avy hanao inona moa ireto? Ary Izy nanao hoe: Ireo no tandroka nampihahaka ny Joda, ka tsy nisy olona nanandrandra loha; fa ireto kosa dia avy hampahatahotra azy mba hampiongana ny tandroky ny firenena, dia izay nanandratra ny tandrony tamin' ny tanin' ny Joda hanely azy.

2 Dia natopiko ny masoko, ka hitako fa, indro, nisy lehilahy manana kofehy famolaina eny an-tànany. **2** Dia hoy izaho: Ho aiza moa ianao? Ary hoy izy tamiko: Handrefy an' i Jerosalema hizaha ny sakany sy ny lavany aho. **3** Ary, indro, nivoaka ilay anjely niresaka tamiko, ary nisy anjely anankiray koa nivoaka hitsena azy **4** ka nanao taminy hoe: Mihazakazaha, ka milazà amin' io zatovo io hoe: Honenana toy ny tanana tsy mimanda Jerosalema noho ny hamaroan' ny olona sy ny biby fiompy ao aminy. **5** Fa Izaho, hoy Jehovah, ho manda afo manodidina azy ary ho voninahitra ao afovoany. **6** He! he! mandosira avy any amin' ny tany avaratra, hoy Jehovah; fa aeliko ho toy ny rivotra efatry ny lanitra ianareo, hoy Jehovah. **7** He! vonjeo ny tenanao, ry Ziona, izay monina ao Babylona zanakavavy. **8** Fa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Hampiseho voninahitra no nanirahany ahy tany amin' ny firenena izay namabo anareo; fa izay mikasika anareo dia mikasika ny anakandriamasony. **9** Fa, indro, hahinjitro eo amboniny ny tanako, ka hobaboin' ireo nanompo azy izy; dia ho fantatrareo fa Jehovah, Tompon' ny maro, no naniraka ahy. **10** Mihobia sy mifalia, ry Ziona zanakavavy, fa, indro, avy honina ao afovoanao Aho, hoy Jehovah. **11** Ary firenena maro no hanaiky ho an' i Jehovah amin' izany andro izany ka ho oloko; ary hitoetra ao afovoanao aho, ka dia ho fantatrao fa Jehovah, Tompon' ny maro, no naniraka ahy ho aminao. **12** Ary Jehovah hanana an' i Joda ho anjarany ao amin' ny tany masìna ary mbola hifidy an' i Jerosalema indray. **13** Mangìna eo anatrehan' i Jehovah, ry nofo rehetra! fa nifoha avy ao amin' ny fitoerany masìna Izy.

3 Ary dia nasehony ahy fa, indro, Josoa mpisoronabe nitsangana teo anatrehan' Ilay Anjelin' i Jehovah, ary Satana nitsangana teo an-kavanany hiampanga azy. **2** Ary hoy Jehovah tamin' i Satana: Hananatra anao anie Jehovah, ry Satana; eny, Jehovah Izay nifidy an' i Jerosalema anie hananatra anao; tsy forohana nosarihana tamin' ny afo va ity? **3** Ary Josoa nitafy fitafiana maloto ary nitsangana teo anoloan' Ilay Anjely. **4** Dia namaly Jehovah ka nilaza tamin' izay nitsangana teo anoloany hoe: Esory aminy ny fitafiana maloto. Ary hoy koa Izy taminy: Indro, efa nesoriko ny helokao, ary hampiakanjoiko akanjo fihaingoana ianao. **5** Dia hoy izaho: Aoka hasiany hamama madio eo an-dohany. Ka dia nasiany hamama madio teo an-dohany, sady nampitafiny izy; ary Ilay Anjelin' i Jehovah dia nitsangana teo. **6** Ary Ilay Anjelin' i Jehovah nilaza marimarina tamin' i Josoa hoe: **7** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Raha mizotra amin' ny lalako ianao sy mitandrina ny didiko, dia ianao no hitsara ny amin' ny tranoko sy hitandrina ny kianjako, sady homeko lalana ho amin' ireo mitsangana

ireo ianao. **8** Koa mihainoa, ry Josoa mpisoronabe, dia ianao sy ny namanao izay mipetraka eo anoloanao; fa olona atao fahagagana ireo; fa, indro, ho entiko Rantsana Mpanompoko. **9** Fa, indro, ny vato izay napetrako teo anoloan' i Josoa, ny vato iray dia banjinin' ny maso fito; indro, hosoratako ny sorany, hoy Jehovah Tompon' ny maro, ary hesoriko indray andro monja ny helok' ity tany ity. **10** Amin' izany andro izany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, dia samy hiantso ny namanareo avy ho eo ambanin' ny voaloboka sy ho eo ambanin' ny aviavy ianareo.

4 Ary niverina ilay anjely niresaka tamiko ka namoha ahy toy ny olona fohazina amin-tory. **2** Dia hoy izy tamiko: Inona no hitanao? Ary hoy izaho: Hitako fa, indro, misy fanaovan-jiro tena volamena, ary ny fitoeran-diloilony dia eo an-tampony, ary ny lela fanaovan-jirony fito kosa dia eo aminy, ary misy fantsona fito avy amin' ny isan' ny lela fanaovan-jiro izay eo an-tampony; **3** ary misy hazo oliva roa eo anilany, ny anankiray eo ankavanan' ny fitoeran-diloilo, ary ny anankiray eo an-kaviany. **4** Dia niteny tamin' ilay anjely niresaka tamiko aho nanao hoe: Inona moa ireo, tompoko? **5** Ary ilay anjely niresaka tamiko dia namaly ka nanao tamiko hoe: Tsy fantatrao va ireo? Fa hoy izaho: Tsia, tompoko. **6** Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin' i Jehovah amin' i Zerobabela: Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin' ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **7** Iza moa ianao, ry tendrombohitra lehibe? Ho tonga tany lemaka eo anoloan' i Zerobabela ianao; ary ho entiny mivoaka ny vato hatao tendrony sady hisy fiantsoana hoe: Fahasoavana, fahasoavana anie ho aminy! **8** Dia tonga tamiko indray ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **9** Ny tànan' i Zerobabela no nanao ny fanorenan' ity trano ity, ary ny tànany koa no hamita azy; ka dia ho fantatrao fa Jehovah, Tompon' ny maro, no naniraka ahy ho aminao. **10** Fa iza no nanamavo ny andron' ny zava-madinika? Ho faly mahita ny pilao eny an-tànan' i Zerobabela ireo fito ireo, dia ny mason' i Jehovah, izay mijery eny tontolo eny eran' ny tany rehetra **11** Dia namaly aho ka nanao taminy hoe: Inona moa ireo hazo oliva roa eo ankavanan' ny fanaovan-jiro sy eo an-kaviany ireo? **12** Ary namaly koa aho ka nanao taminy hoe: Inona moa ireo sampahon' oliva roa eo amin' ny fantsona volamena izay mampijononoka ny diloilo volamena avy ao aminy ireo? **13** Dia namaly izy hoe: Tsy fantatrao va ireo? Ary hoy izaho: Tsia, tompoko. **14** Dia hoy izy: Ireo no zana-diloilo roa, izay mitsangana eo anoloan' ny Tompon' ny tany rehetra.

5 Dia natopiko indray ny masoko, ka hitako fa, indro, nisy horonan-taratasy manidina. **2** Ary hoy izy tamiko: Inona moa no hitanao? Dia hoy izaho: Mahita horonan-taratasy manidina aho; roa-polo hakiho ny lavany, ary folo hakiho ny sakany. **3** Dia hoy izy tamiko: Izany no ozona mivoaka ho eny amin' ny tany rehetra; fa izay rehetra mangalatra dia hosorohina araka izany, ary izay rehetra mianiana dia hosorohina araka izany koa. **4** Ho entiko mivoaka izany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, ka hiditra ao an-tranon' ny mpangalatra sy ao an-tranon' izay mianian-tsy tò amin' ny anarako ary hitoetra ao amin' ny tranony ka handevona azy mbamin' ny hazony sy ny vatony. **5** Dia nivoaka ilay anjely niresaka tamiko ka nanao tamiko hoe: Atopazy ny masonao, ka jereo io mivoaka io. **6** Dia hoy izaho: Inona moa io? Ary hoy izy: Io ilay vata famarana' mivoaka. Hoy koa izy: Izao no tarehiny any amin' ny tany rehetra **7** (ary, indro, nisy vongam-piraka boribory naingaina); ary io no vehivavy iray mipetraka ao anatin' ny vata famarana. **8** Ary hoy izy: Faharatsiana io. Ka dia natontany tao anatin' ny vata famarana io; ary natontany teo am-bavan' io ny vato firaka. **9** Dia natopiko ny masoko, ka hitako fa, indreo, nisy vehivavy roa nivoaka, ary nahazo rivotra ny elany, fa nanana elatra toy ny elatry ny vano izy; ary naingainy ho eo anelanelan' ny tany sy ny lanitra ny vata famarana. **10** Dia hoy izaho tamin' ilay anjely niresaka tamiko: Ho aiza no itondran' ireto ny vata famarana. **11** Ary hoy izy tamiko: Hanaovana trano ho azy any amin' ny tany Sinara, ary rehefa vita izany, dia hapetraka ao amin' ny fipetrahany izy.

6 Ary natopiko indray ny masoko ka hitako fa, indreo, nisy kalesy efatra nivoaka avy teo anelanelan' ny tendrombohitra roa; ary tendrombohitra varahina ireo tendrombohitra ireo. **2** Tamin' ny kalesy voalohany dia nisy soavaly mena; tamin' ny kalesy faharoa dia soavaly mainty; **3** tamin' ny kalesy fahatelo dia soavaly fotsy; ary tamin' ny kalesy fahefatra dia soavaly sadamena. **4** Dia nanontany tamin' ilay anjely niresaka tamiko aho ka nanao hoe: Inona moa ireo, tompoko? **5** Ary ilay anjely namaly ka nilaza tamiko hoe: Ireo no rivotra efatry ny lanitra, izay mivoaka avy nitsangana teo anatrehan' ny Tompon' ny tany rehetra. **6** Io misy ny soavaly mainty dia mivoaka mankamin' ny tany avaratra; ary ny fotsy nivoaka nanaraka azy; ary ny sada nivoaka nankamin' ny tany atsimo. **7** Ary ny mena dia nivoaka ka nitady handeha hivoivoy eny amin' ny tany; dia hoy izy: Mandehana ianareo, mivoivoiza eny amin' ny tany. Ka dia nandeha nivoivoy teny amin' ny tany izy. **8** Dia nitaraina mafy tamiko izy ka niteny tamiko hoe: Indro, ireo izay mivoaka mankamin' ny tany avaratra dia nampionona ny fanahiko tany amin' ny tany avaratra. **9** Ary tonga tamiko ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **10** Mandraisa avy amin' ny babo, dia amin' i Helday sy Tobia ary Jedaia, eny, mandehana amin' izany andro izany ihany ianao, ka midìra ao an-tranon' i Josia, zanak' i Zefania, izay novantaniny nony vao tonga avy tany Babylona izy, **11** eny, mandraisa volafotsy sy volamena, ka ataovy satro-boninahitra, dia apetraho eo an-dohan' i Josoa, zanak' i Jozadaka, mpisoronabe; **12** dia lazao aminy hoe: Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Indro Lehilahy atao hoe Rantsana; ary hitsimoka eo am-pitoerany ihany Izy sady hanao ny tempolin' i Jehovah. **13** Eny, Izy no hanao ny tempolin' i Jehovah, ary Izy no hitondra voninahitra ka hipetraka sy hanapaka eo amin' ny seza fiandrianany; ary ho mpisorona eo amin' ny seza fiandrianany Izy; ary hisy fisainam-pihavanana amin' izy roroa. **14** Ary ny satro-boninahitra dia ho an' i Helema sy Tobia sy Jedaia ary Hena, zanak' i Zefania, ho fampahatsiarovana ao amin' ny tempolin' i Jehovah. **15** Ary izay lavitra dia ho avy ka hanao ao amin' ny tempolin' i Jehovah, ka dia ho fantatrareo fa

Jehovah, Tompon' ny maro, no naniraka ahy ho aminareo. Dia ho tonga izany, raha hazoto hihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrareo ianareo.

7 Ary tamin' ny taona fahefatra nanjakan' i Dariosa no nahatongavan' ny tenin' i Jehovah tamin' i Zakaria, tamin' ny andro fahefatra tamin' ny volana fahasivy (Kisleva izany); **2** ary Betela efa naniraka an' i Serezera sy Regemameleka sy ny olony hifona amin' i Jehovah **3** ka hiteny amin' ny mpisoron' ny tranon' i Jehovah, Tompon' ny maro, sy amin' ny mpaminany hoe: Hitomany amin' ny volana fahadimy va aho ka hifady toy ny fanaoko tamin' ny taondasa ela? **4** Dia tonga tamiko ny tenin' i Jehovah, Tompon' ny maro, nanao hoe: **5** Lazao amin' ny vahoaka rehetra amin' ny tany sy amin' ny mpisorona hoe: Raha nifady hanina sy nitomany tamin' ny volana fahadimy sy ny fahafito tamin' izao fito-polo taona izao, ianareo moa nifady ho Ahy va ianareo? **6** Ary raha mihinana sy misotro ianareo, moa tsy mihinana sy misotro ho an' ny tenanareo ihany va ianareo? **7** Moa tsy tokony ho nihaino ny teny izay nasain' i Jehovah nantsoin' ny mpaminany fahiny va ianareo, fony mbola nonenana sy nandry fahizay Jerosalema sy ny zana-bohiny manodidina azy, sady nonenana koa ny tany atsimo sy ny tany lemaka amoron-tsiraka? **8** Ary tonga tamin' i Zakaria ny tenin' i Jehovah nanao hoe: **9** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Manaova fitsarana marina, ary samia mifampiantra sy mifamindra fo amin' ny rahalahiny avy; **10** ary aza mampahory ny mpitondratena na ny kamboty, na ny vahiny, na ny mahantra; ary aza misy mihevitra ao am-ponareo hanisy ratsy ny rahalahinareo ianareo. **11** Nefa tsy nety nihaino ireny, fa nampihemotra ny sorony, ary nataony lalodalovana ny sofiny; mba tsy handre. **12** Eny, nanao ny fony ho mafy, toy ny diamondra Izy, mba tsy hihaino ny lalàna sy ny teny izay nampitondrain' ny Fanahin' i Jehovah, Tompon' ny maro, holazain' ny mpaminany fahiny, ka dia tonga izay fahatezerana mafy avy tamin' i Jehovah, Tompon' ny maro, **13** Koa toy ny niantsoan' ireny, fa tsy nohenoiny, dia ho toy izany no hiantsoany kosa, fa tsy hohenoiko, hoy Jehovah, Tompon' ny maro; **14** fa haeliko amin' ny tafio-drivotra ho any amin' ny firenena rehetra izay tsy fantany izy. Toy izany no nahalao ny tany tao aoriany, ka tsy nisy olona nandroso na niverina; fa nahatonga ny tany mahafinaritra ho tany lao izy.

8 Ary tonga ny tenin' i Jehovah, Tompon' ny maro, nanao hoe: **2** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Saro-piaro dia saro-piaro an' i Ziona Aho, eny, saro-piaro azy amin' ny fahatezerana mafy Aho. **3** Izao no lazain' i Jehovah: Efa tafaverina ho eto Ziona Aho ka honina eto afovoan' i Jerosalema; ary Jerosalema dia hatao hoe Tanànan' ny fahamarinana, ary ny tendrombohitr' i Jehovah, Tompon' ny maro, dia hatao hoe Tendrombohitra masìna. **4** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Mbola hisy lahy antitra sy vavy antitra hipetraka eny an-dalamben' i Jerosalema, samy hitehina amin' ny tehina eny an-tànany isan-olona noho ny fahanterany; **5** ary eny an-dalambe any an-tanàna dia ho feno ankizilahy madinika sy ankizivavy madinika milalao eny an-dalambe. **6** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Raha mahagaga izany eo imason' ny sisa amin' ity firenena ity amin' izany andro izany, moa hahagaga eo imasoko koa va? hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **7** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Indro, hamonjy ny oloko avy any amin' ny tany atsinanana sy amin' ny tany andrefana Aho; **8** ary hitondra azy Aho, ka honina any Jerosalema izy; dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny amin' ny fahamarinana sy ny fahitsiana. **9** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Aoka hatanjaka ny tananareo izay mandre izany teny izany amin' izao andro izao avy amin' ny vavan' ny mpaminany, izay teo tamin' ny andro nanaovana ny fanorenan' ny tranon' i Jehovah, Tompon' ny maro, dia ny nanaovana ny tempoly. **10** Fa talohan' izany andro izany dia tsy nisy valim-pahasasarana ho an' ny olona, na valim-pahasasarana ho an' ny biby fiompy; ary tsy nisy fiadanana ho an' izay nivoaka sy izay niditra noho ny fahavalo, fa nalefako samy hifamely amin' ny namany avy ny olona rehetra. **11** Fa amin' izay kosa dia tsy ho toy ny tamin' ny fahiny intsony amin' ny sisa amin' ity firenena ity Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **12** Fa hisy vokatry ny fiadanana, ny voaloboka hamoa, ary ny tany hahavokatra, ary ny lanitra hampilatsaka ny andony, ary ny sisa amin' ity firenena ity no hampandovaiko izany rehetra izany. **13** Ary toy ny nahatongavanareo ho fanozonana tany amin' ny firenena, ry taranak' i Joda sy ry taranak' Isiraely, dia ho toy izany no hamonjeko anareo, ka dia ho tonga fitsofandrano kosa ianareo; aza matahotra, fa aoka hatanjaka ny tananareo. **14** Fa izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Toy ny nisainako hahatonga loza aminareo tamin' ny nampahatezeran' ny razanareo Ahy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, ka tsy nanenina Aho, **15** dia ho toy izany kosa no hisainako hanisy soa an' i Jerosalema sy ny taranak' i Joda amin' izao andro izao: aza matahotra ianareo. **16** Izao no zavatra hataonareo: Samia miteny marina amin' ny namany avy ianareo; mitsarà marina, eny, mitsarà hahatonga fiadanana ao am-bavahadinareo; **17** ary aza misy mieritreritra ao am-ponareo hanisy ratsy ny namanareo ianareo, ary aza tia fianianan-tsy tò; fa izany rehetra izany dia halako, hoy Jehovah. **18** Ary ny tenin' i Jehovah, Tompon' ny maro, dia tonga tamiko nanao hoe: **19** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Ny fifadian-kanina amin' ny volana fahefatra sy ny fifadian-kanina amin' ny fahadimy sy ny fifadian-kanina amin' ny fahafito ary ny fifadian-kanina amin' ny fahafolo dia samy ho tonga fifaliana sy firavoravoana ary fotoana mahafinaritra avokoa ho an' ny taranak' i Joda; koa tiava ny fahamarinana sy ny fiadanana. **20** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Mbola hisy firenena sy mponina avy amin' ny tanàna maro ho avy; **21** ary ny mponina ao amin' ny anankiray hankany amin' ny anankiray kosa ka hanao hoe: Aoka handeha tokoa isika hifona amin' i Jehovah sy hitady an' i Jehovah, Tompon' ny maro; izaho koa mba handeha. **22** Eny, ho avy ny olona maro sy ny firenena mahery mba hitady an' i Jehovah, Tompon' ny maro, any Jerosalema sy hifona amin' i Jehovah. **23** Izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny

maro: Amin' izany andro izany dia hisy folo lahy avy amin' ny firenena samy hafa fiteny rehetra hihazona ny sisindamban' ny Jiosy anankiray ka hanao hoe: Mba handeha hiaraka aminareo izahay; fa efa renay fa momba anareo Andriamanitra.

9 Teny faminaniana avy tamin' i Jehovah ny amin' ny loza hanjo ny tany Hadraka, Ary Damaskosy no hiharany — Fa ny mason' i Jehovah mandinika ny olombelona Mbamin' ny firenena rehetra amin' ny Isiraely — **2** Sy Hamata koa, izay mifanolotra aminy, Ary Tyro sy Sidona koa, satria hendry izy. **3** Ary Tyro nanao manda mafy ho azy Ka nanangona volafotsy hoatra ny vovoka Sy volamena tsara hoatra ny fotaka eny an-dalambe. **4** Indro, hofoanan' ny Tompo ny fananany, Sady hasiany koa ny heriny ao amin' ny ranomasina; Ary ny tenany ho levon' ny afo. **5** Askelona hahita izany ka ho raiki-tahotra, Gaza koa, ka ho toran-kovitra indrindra, Ary Ekrona, fa ho tonga henatra ny fanantenany; Tsy hisy mpanjaka intsony ao Gaza, Ary Askelona tsy honenana. **6** Zazasary no ho mpanjaka ao Asdoda, Ary hofoanako ny reharehan' ny Filistina. **7** Hesoriko eny am-bavany ny ràny, Sy ny fahavetavetany tsy ho eny anelanelan' ny nifiny; Ary izy koa ho sisa ho an' Andriamanitsika Sy ho toy ny lohany amin' ny firenen' i Joda, Ary Ekrona ho toy ny Jebosita. **8** Ary hitoby Aho hiaro ny tranoko noho ny miaramila betsaka, Dia noho izay mandroso sy miverina; Ary tsy hisy mpampahory handeha hamaky eo aminy intsony, Fa ankehitriny dia efa hitan' ny masoko. **9** Mifalia indrindra, ry Ziona zanakavavy; Manaova feo fifaliana, ry Jerosalema zanakavavy; Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao; Marina Izy sady manampamonjena, Malemy fanahy sady mitaingina boriky Dia zana-boriky tanora. **10** Ary hofoanako tsy hisy kalesy intsony Efraima, Na soavaly any Jerosalema, Hofoanana koa ny tsipìka fiadiana, Ary hiteny fiadanana amin' ny jentilisa Izy; Ny fanapahany dia hatramin' ny ranomasina ka hatramin' ny ranomasina Ary hatramin' ny Ony ka hatramin' ny faran' ny tany. **11** Ny aminao koa, noho ny ran' ny fanekena taminao No efa namoahako ny mpifatotrao avy tao an-davaka tsy misy rano. **12** Miverena ho amin' ny fiarovana mafy, ianareo mpifatotra manana ny fanantenana! Anio no hanambarako hoe: Hanonitra roa heny ho anao Aho. **13** Fa nohenjaniko ho Ahy Joda, Efraima nataoko zana-tsipìka; Ary hotairiko ny zanakao, ry Ziona, hiady amin' ny zanakao, ry Grisia, Ary hataoko toy ny sabatry ny lehilahy mahery ianao, **14** Ary Jehovah hiseho ao aminy, Ka handeha toy ny helatra ny zana-tsipìkany, Jehovah Tompo hitsoka anjomara Ka handeha amin' ny tafio-drivotra any atsimo. **15** Ary Jehovah, Tompon' ny maro, no hiaro ireny; Dia hihinana ireny ka hanitsakitsaka vaton' antsamotady; Ary hisotro ireny ka hihorakoraka tahaka ny azon' ny divay, Ary ho feno toy ny lovia famafazana ireny, dia toy ny zoron' ny alitara. **16** Ary hovonjen' i Jehovah Andriamaniny ireny amin' izany andro izany Toy ny olona izay ondriny; Fa ho toy ny vaton-tsatro-boninahitra Mamirapiratra eny amin' ny taniny ireny. **17** Fa akory ny hasoany! ary akory ny hatsaran-tarehiny! Vary no hampaharoroka ny zatovo, Ary ranom-boaloboka kosa ny zazavavy.

10 Mangataha ranonorana amin' i Jehovah ianareo amin' ny andro fara-orana, Dia amin' i Jehovah, Izay manao ny helatra; Ranonorana mivatravatra no homeny azy, Eny, samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny. **2** Fa ny sampy niteny zava-poana, Ary ny mpanao fankatovana nahita lainga Ka nilaza nofy lainga, Foana ny nampiononany; Koa izany no naniavany toy ny ondry Ory izy, satria tsy misy mpiandry. **3** Amin' ny mpiandry ondry no irehetan' ny fahatezerako, Ary ireo osilahy no hovaliako; Fa Jehovah, Tompon' ny maro, efa namangy ny taranak' i Joda ondriny Ka manao azy toy ny soavaliny miravaka eo amin' ny ady. **4** Avy ao aminy no hihavian' ny fehizoro, Avy ao aminy no hihavian' ny fihantonan-javatra, Avy ao aminy no hihavian' ny tsipìka fiadiana, Avy ao aminy no hihavian' ny mpampahory rehetra. **5** Ary ho toy ny lehilahy mahery ireo, Izay manitsaka ny fotaka eny an-dalana amin' ny ady, Hiady izy, satria Jehovah no momba azy; Ary homenarina ny mpitaingin-tsoavaly. **6** Hampahery ny taranak' i Joda Aho, Ary ny taranak' i Josefa hovonjeko ka hampodiko, Satria mamindra fo aminy Aho, Ka ho toy izay tsy nariako izy; Fa Izaho no Jehovah Andriamaniny ka hihaino azy. **7** Ho toy ny lehilahy mahery Efraima, Ary hifaly toy ny azon' ny divay ny fony; Ny zanany hahita ka ho faly; Hifaly amin' i Jehovah ny fony. **8** Hisiaka hiantso azy Aho ka hanangona azy, Fa efa nanavotra azy Aho; Ka dia mbola hihamaro toy ny efa nihamaroany ihany izy. **9** Ary hafafiko any amin' ny firenena izy, Ka any amin' ny tany lavitra no hahatsiarovany Ahy; Ary samy ho velona izy mbamin' ny zanany ka hiverina **10** Dia hampody azy avy any amin' ny tany Egypta Aho sy hanangona azy avy any Asyria; Ary ho any amin' ny tany Gileada sy Libanona no hitondrako azy, Ka tsy ho omby azy izany **11** Dia hamaky ny ranomasim-pahoriana izy ka hamely ny onjan-dranomasina, Ho ritra ny rano lalin' i Neily rehetra, Haetry ny avonavon' i Asyria, Ary hiala ny tehina fanapahan' i Egypta. **12** Dia hampahereziko ao amin' i Jehovah izy, Ka ny anarany no handehanany, hoy Jehovah.

11 Vohay ny varavaranao, ry Libanona ô! Handevonan' ny afo ny sederanao **2** Midradradradra, ry hazo kypreso! Fa efa nianjera ny sedera, Eny, fongotra ireo avo be; Midradradradrà, ianareo ôka any Basana! Fa ripaka ny ala mikirindro **3** Injay! fidradradradran' ny mpiandry ondry! Fa rava ny voninahiny; Injay! fieron' ny liona tanora! Fa rava ny kirihitrala eny amoron' i Jordana **4** Izao no lazain' i Jehovah Andriamanitra: Andraso ny ondry izay hovonoina, **5** dia ireo vonoin' ny tompony nefa tsy ananany heloka; ary ny mivarotra azy manao hoe: Isaorana anie Jehovah, fa manan-karena aho; ary ny mpiandry azy koa dia tsy miantra azy **6** Fa tsy hiantra ny mponina amin' ny tany intsony Aho, hoy Jehovah; fa, indro, Izaho dia hanolotra ny olona samy ho eo an-tànan' ny namany sy samy ho eo an-tanan' ny mpanjakany avy; ary hamely ny tany ireo, nefa tsy mba hanafaka amin' ny tànany Aho. **7** Ary niandry ny ondry izay hovonoina Aho, dia izay ondry mahantra. Ary naka tehina

roa ho Ahy Aho, ny iray nataoko hoe Fahasoavana, ary ny iray kosa nataoko hoe Fikambanana; ary nandrasako ny ondry. **8** Ary nandringana ny mpiandry ondry telo Aho tamin' ny iray volana, fa tsy nahatsindry fo taminy intsony, sady tofoka Ahy ny fanahiny. **9** Dia hoy Izaho: Tsy hiandry anareo Aho: izay ho faty dia aoka ho faty, ary izay ho ringana dia aoka ho ringana, ary ny sisa dia aoka samy hihinana ny nofon' ny namany avy. **10** Ary noraisiko ny tehiko Fahasoavana ka notapahiko, mba hanafoanako ny fanekena izay efa nataoko tamin' ny firenena rehetra. **11** Ary tapaka tamin' izany andro izany iny, ka dia fantatry ny ondry mahantra, izay nitandrina ny teniko, fa tenin' i Jehovah izany. **12** Dia hoy izaho taminy: Raha tsara eo imasonareo, dia omeo ahy ny karamako; fa raha tsy izany, dia aoka ihany. Ary dia nolanjainy ny karamako, ka sekely volafotsy telo-polo. **13** Ary hoy Jehovah tamiko: Atsipazo amin' ny mpanefy tanimanga izany vola be nanombanany Ahy izany! Dia noraisiko ny sekely volafotsy telo-polo ka natsipiko tamin' ny mpanefy tanimanga tao an-tranon' i Jehovah. **14** Dia notapahiko koa ilay tehiko anankiray Fikambanana, hanafoanako ny firahalahian' i Joda sy Isiraely. **15** Ary hoy Jehovah tamiko: Alao ho anao koa ny tehin' ny mpiandry ondry adala. **16** Fa, indro, Izaho hanangana mpiandry amin' ny tany, izay tsy hamangy ny naringana, na hitady ny niely, na hanasitrana ny naratra, na hiandry izay mbola matanjaka; fa hohaniny ny nofon' ny matavy sady helakelahiny ny kitrony. **17** Lozan' ny mpiandry ondry tsy mahomby izay mandao ny ondry! Ny sabatra no hanely ny sandriny sy ny masony ankavanana; halazo tokoa ny sandriny, ary ho jamba tokoa ny masony ankavanana.

12 Teny faminaniana avy tamin' i Jehovah ny amin' ny Isiraely. Hoy Jehovah, Izay mamelatra ny lanitra sy manao ny fanorenan' ny tany ary mamorona ny fanahin' ny olona ao anatiny: **2** Indro, Izaho hanao an' i Jerosalema ho kapoaka mampiraikiraiky ho an' ny firenena rehetra manodidina; ary ny Joda koa hiharan' izany ny hanaovana fahirano an' i Jerosalema. **3** Ary amin' izany andro izany Jerosalema dia hataoko vato mavesatra ho an' ny firenena rehetra, ka haràtra dia haràtra izay rehetra mivesatra azy; ary ho tafangona hamely azy ny firenena rehetra amin' ny tany. **4** Amin' izany andro izany, hoy Jehovah, dia hamely ny soavaly amin' ny fahaverezan-kevitra Aho, ary ny mpitaingina azy amin' ny fahadalana, hampihiratra ny masoko amin' ny taranak' i Joda Aho ary hamely ny soavaly rehetra izay an' ny firenena amin' ny fahajambana. **5** Ary ireo lohany amin' ny firenen' i Joda dia hanao anakampo hoe: Ny mponina any Jerosalema dia heriko ao amin' i Jehovah, Tompon' ny maro, Andriamaniny. **6** Amin' izany andro izany ireo lohany amin' ny firenen' i Joda dia hataoko tahaka ny fatana mirehitra eny amin' ny hazo sy tahaka ny fanilo mirehitra eny amin' ny amboara, ka handevona ny firenena rehetra manodidina amin' ny ankavanana sy ny ankavia izy; ary Jerosalema dia mbola hiorina amin' ny fitoerany ihany, dia any Jerosalema. **7** Ary hovonjen' i Jehovah aloha ny lain' ny Joda, mba tsy hisandratra ambonin' ny Joda intsony ny voninahitry ny taranak' i Davida sy ny voninahitry ny mponina any Jerosalema. **8** Amin' izany andro izany dia harovan' i Jehovah ny mponina any Jerosalema; ary izay mila ho reraka ao aminy aza amin' izany andro izany dia ho tahaka an' i Davida; ary ny taranak' i Davida ho tahaka an' Andriamanitra, dia tahaka Ilay Anjelin' i Jehovah eo anoloany. **9** Amin' izany andro izany dia hitady handringana ny jentilisa rehetra izay avy hamely an' i Jerosalema Aho. **10** Ary haidiko amin' ny taranak' i Davida sy amin' ny mponina any Jerosalema ny fanahin' ny fahasoavana sy ny fifonana, ka hijery Ahy Izay nolefoniny izy, ary hisaona Azy toy ny fisaonana zanakalahy tokana izy sady halahelo Azy toy ny fahalahelovan' ny olona ny lahimatoany. **11** Amin' izany andro izany dia hisy fisaonana lehibe any Jerosalema toy ny fisaonana tao Hadadrimona eo amin' ny lohasaha Megido. **12** Ary hisaona mitsitokantokana ny tany, samy isam-pianakaviana avy: ny fianakavian' i Davida mitokana, ary ny vadin' ireo mitokana; ny fianakavian' i Natana mitokana, ary ny vadin' ireo mitokana; **13** ny fianakavian' ny taranak' i Levy mitokana, ary ny vadin' ireo mitokana; ny fianakavian' i Simey mitokana, ary ny vadin' ireo mitokana; **14** ny fianakaviana sisa rehetra mitokana isam-pianakaviana, ary ny vadin' ireo mitokana.

13 Amin' izany andro izany dia hisy loharano voasokatra ho an' ny taranak' i Davida sy ho an' ny mponina any Jerosalema hanafaka fahotana sy fahalotoana. **2** Ary amin' izany andro izany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, dia hofoanako ny anaran-tsampy amin' ny tany, ka tsy hotsarovana intsony ireny; ary hesoriko amin' ny tany ny mpaminany sy ny fanahim-pahalotoana. **3** Ary raha mbola hisy haminany, ny ray aman-dreniny izay niteraka azy dia hanao aminy hoe: Tsy ho velona ianao, satria miteny lainga amin' ny anaran' i Jehovah; ary ny ray aman-dreniny izay niteraka azy dia handefona azy, raha maminany izy. **4** Ary amin' izany andro izany ny mpaminany dia samy hahazo henatra noho ny fahitany avy, raha maminany; ary tsy hikapôty volom-biby hamitahana izy, **5** fa hanao hoe: Tsy mpaminany aho, fa mpiasa tany, satria nisy nanandevo ahy, fony aho mbola kely. **6** Dia hisy hanao aminy hoe: Ka inona itony ratra amin' ny tananao itony? Dia hovaliany hoe: Naratra tao an-tranon' ny sakaizako ireny. **7** Mifohaza, ry sabatra, hamely ny mpiandriko sy ny lehilahy namako, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. Asio ny mpiandry, dia hihahaka ny ondry, ary hamerina ny tanako ho amin' ny madinika Aho. **8** Ary amin' ny tany rehetra, hoy Jehovah, ny androatokony dia haringana ho faty ao; fa ny ampahatelony sisa no havela ao kosa. **9** Ary ho entiko miditra amin' ny afo ny ampahatelony, ary harendrika toy ny fandrendrika volafotsy izy, ary hizahako toetra toy ny fizaha toetra ny volamena izy; hiantso ny anarako izy, ary Izaho hamaly azy; Izaho hanao hoe: Oloko izy ary izy hanao hoe: Jehovah no Andriamanitro.

14 Indro, hisy andron' i Jehovah ho avy, ka ny babo aminao hozaraina ao ampovoanao. **2** Ary hangoniko ny jentilisa rehetra hamely an' i Jerosalema, dia ho afaka ny

tanàna, ka horobaina ny trano, ary hosavihina ny vehivavy; ary ny an-tsasaky ny tanàna dia ho lasan-ko babo, fa ny vahoaka sisa tsy dia hofongorana avokoa amin' ny tanàna. **3** Dia hivoaka Jehovah ka hiady amin' ireny jentilisa ireny, tahaka ny fameliny amin' ny andro fiadiana. **4** Ary amin' izany andro izany ny tongony hijoro eo an-tendrombohitra Oliva, izay eo atsinanana tandrifin' i Jerosalema, ary ny Tendrombohitra Oliva hitresaka eo afovoany hiatsinanana sy hiankandrefana, ka hisy lohasaha lehibe; ary ny antsasaky ny tendrombohitra hifindra hianavaratra, fa ny an-tsasany kosa hianatsimo. **5** Dia handositra ho any amin' ny lohasahan' ny tendrombohitro ianareo, fa hipaka hatrany Azela ny lohasahan' ny tendrombohitra; eny, handositra ianareo tahaka ny nandosiranareo ny horohorontany tamin' ny andron' i Ozia, mpanjakan' ny Joda; ary ho avy Jehovah Andriamanitro mbamin' ny masìna rehetra momba Azy. **6** Ary amin' izany andro izany dia tsy hisy mazava, ary ireo mamirapiratra tsy hiseho intsony; **7** fa hisy andro iray, izay fantatr' i Jehovah, tsy andro na alina; nefa, raha hariva ny andro, dia hisy mazava. **8** Ary amin' izany andro izany dia hisy rano velona hivoaka avy any Jerosalema, ka ny antsasany hankany amin' ny ranomasina atsinanana, ary ny antsasany hankany amin' ny ranomasina andrefana, na amin' ny fahavaratra na amin' ny ririnina dia samy hisian' izany. **9** Ary Jehovah ho Mpanjakan' ny tany rehetra; amin' izany andro izany dia iray no Jehovah, sady iray no anarany. **10** Ho tonga tahaka ny tani-hay ny tany rehetra hatrany Geba ka hatrany Rimona ao atsimon' i Jerosalema; ary hasandratra sy honenana ao amin' ny fitoerany izy hatramin' ny vavahadin' i Benjamina ka hatreo amin' ny vavahady voalohany, hatramin' ny vavahady an-jorony, ary hatramin' ny tilikambo Hananela ka hatramin' ireo famiazam-boaloboky ny mpanjaka. **11** Dia hisy mponina any, ary tsy hisy ozona intsony, fa Jerosalema handry fahizay. **12** Ary izao no areti-mandringana hamelezan' i Jehovah ny firenena rehetra izay efa nanafika an' i Jerosalema: Hataony mihalevona am-pitsanganana ny nofony, ary hihalevona eo amin' ny itoerany ny masony, ary ny lelany koa hihalevona ao am-bavany. **13** Ary amin' izany andro izany dia hisy fifanaritahana lehibe avy amin' i Jehovah ao aminy, ary hifampihazon-tanana izy, sady samy hanainga tanana hifamely. **14** Ary ny Joda koa hamely an' i Jerosalema, ary hovorina ny haren' ny firenena manodidina rehetra, dia volamena sy volafotsy ary fitafiana betsaka. **15** Ary ho toy izany koa ny areti-mandringana hamely ny soavaly sy ny ampondra sy ny rameva sy ny boriky mbamin' ny biby fiompy rehetra izay ao amin' ireny toby ireny, eny, ho tahaka izany areti-mandringana izany ihany. **16** Ary ny sisa rehetra amin' ny jentilisa rehetra, izay niakatra namely an' i Jerosalema, dia hiakatra isan-taona isan-taona hiankohoka eo anatrehan' ny Mpanjaka, dia Jehovah, Tompon' ny maro, sy hitandrina ny andro firavoravoana fitoerana an-trano rantsan-kazo. **17** Ary na iza na iza amin' ny firenena samy hafa amin' ny tany no tsy hiakatra ho any Jerosalema hiankohoka eo anatrehan' ny Mpanjaka, dia Jehovah, Tompon' ny maro, dia tsy mba hisy ranonorana mivatravatra any aminy. **18** Ary raha ny firenen' i Egypta tsy mba miakatra ka tsy tonga, dia tsy hisy koa any aminy, sady ho tonga ny areti-mandringana izay hamelezan' i Jehovah ny firenena tsy miakatra hitandrina ny andro firavoravoana fitoerana an-trano rantsan-kazo. **19** Izany no fampijaliana an' i Egypta sy fampijaliana ny firenena rehetra izay tsy miakatra hitandrina ny andro firavoravoana fitoerana an-trano rantsan-kazo. **20** Amin' izany andro izany dia hisy ao amin' ny famohamandrin-tsoavaly manao hoe: HAMASININA HO AN' I JEHOVAH; ary ny vilany ao an-tranon' i Jehovah ho tahaka ny lovia famafazana eo anoloan' ny alitara. **21** Eny, ny vilany rehetra any Jerosalema sy Joda dia hohamasinina ho an' i Jehovah, Tompon' ny maro; ary izay rehetra mamono zavatra hatao fanatitra dia ho avy haka amin' ireny ka hahandro aminy. Ary amin' izany andro izany dia tsy hisy Kananita intsony ao an-tranon' i Jehovah, Tompon' ny maro.

Malakia

1 Teny faminaniana avy tamin' i Jehovah nampitondrainy an' i Malakia ho amin' ny Isiraely. **2** Efa tia anareo Aho, hoy Jehovah; nefa hoy ianareo: Inona no nentinao nitia anay? Tsy rahalahin' i Jakoba va Esao? hoy Jehovah; nefa Jakoba no tiako, **3** fa Esao no halako, ka nataoko tany lao ny tendrombohiny, ary ny lovany natolotro ho an' ny amboadia any an-efitra. **4** Na dia hoy aza Edoma: Torotoro izahay, nefa mbola hamboarinay indray ny efa rava dia izao no lazain' i Jehovah, Tompon' ny maro: Ireo dia hanamboatra, fa Izaho kosa handrava; ary dia hatao hoe tanin' ny faharatsiana, dia firenena tezeran' i Jehovah mandrakizay, ireo. **5** Ary ny masonareo no hahita, ka dia hiteny ianareo hanao hoe: Jehovah dia lehibe any an-koatry ny tanin' ny Isiraely. **6** Ny zanaka manaja ny rainy, ary ny mpanompo ny tompony; koa raha Ray Aho, aiza ary izay hajako? ary raha Tompo Aho, aiza izay tahotra Ahy? hoy Jehovah, Tompon' ny maro, aminareo, ry mpisorona, izay manamavo ny anarako, nefa manao hoe: Amin' inona no anamavoanay ny anaranao? **7** Amin' ny fitondrana hanina voaloto ho eo amin' ny alitarako. Nefa ianareo manao hoe: Amin' inona no andotoanay Anao? Amin' ny fanaovanareo hoe: Ny latabatr' i Jehovah dia fanazimbazimba. **8** Ary raha jamba no entinareo hovonoina hatao fanatitra, tsy ratsy hoe izany! Ary raha mandringa sy marary no entinareo, tsy ratsy hoe izany! Atero ho an' ny governora manapaka anao ange izany, moa hahazo sitraka na fitia aminy va ianao? hoy Jehovah Tompon' ny maro. **9** Koa masìna ianareo, andeha mifona amin' Andriamanitra hamindrany fo amintsika fa ny tananareo no nahatonga izany, moa hankasitraka va Izy noho ny aminareo? hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **10** Enga anie ka hisy aminareo handrindrina ny varavarana ka tsy handrehitra afo foana eo ambonin' ny alitarako! Tsy hankasitraka anareo Aho, na ta-handray fanatitra amin' ny tananareo, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **11** Fa hatramin' ny fiposahan' ny masoandro ka hatramin' ny filentehany dia lehibe ny anarako any amin' ny jentilisa, ary any amin' ny tany rehetra no handoroana ditin-kazo manitra sy hanaterana fanatitra madio ho an' ny anarako; fa lehibe any amin' ny jentilisa ny anarako, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **12** Fa ianareo kosa manamavo izany amin' ny fanaovanareo hoe: Voaloto ny latabatr' i Jehovah, ary ny haniny aterina eo dia tsinontsinona. **13** Hoy koa ianareo: Tsy mba hasasarana lahy! ary ikifonanareo izany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro; entinareo ny nalaina an-keriny sy ny mandringa sy ny marary, ka dia aterinareo ho fanatitra; moa ta-handray izany amin' ny tenanareo va Aho? hoy Jehovah. **14** Fa voaozona ny mpamitaka, izay manana ondrilahy ao amin' ny ondriny, ary mivoady, nefa mamono zavatra misy kilema hatao fanatitra ho an' ny Tompo. Fa Mpanjaka lehibe Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, ary ny anarako dia mahatahotra any amin' ny jentilisa.

2 Ary ankehitriny, ry mpisorona, dia ho aminareo izao didy izao: **2** Raha tsy hihaino na handatsaka am-po ka hanome voninahitra ny anarako ianareo, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, dia halefako hamely anareo ny ozona, ka hozoniko ny tso-drano ataonareo; eny, efa voaozoko sahady izany, satria tsy nandatsaka am-po ianareo. **3** Indro, hasiako teny mafy ny voa afafinareo, ary hofafazako tain-drororoha ny tavanareo, dia ny tain-drororoha avy amin' ny andro firavoravoanareo; ary hailika miaraka aminy ianareo. **4** Dia ho fantatrareo fa nampitondra izany didy izany ho aminareo Aho, mba haharetan' ny fanekeko amin' i Levy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **5** Ny fanekeko taminy dia fiainana sy fiadanana; ary nomeko azy ho fahatahorana izany, ka dia natahotra Ahy sy nangovitra teo anatrehan' ny anarako izy. **6** Ny lalàn' ny fahamarinana no teo am-bavany, ary tsy mba nisy tsi-fahamarinana teo amin' ny molony; tamin' ny fiadanana sy ny fahitsiana no niarahany nandeha tamiko, ary maro no nampialainy tamin' ny heloka. **7** Fa ny molotry ny mpisorona tokony hitahiry fahalalana, ary ny lalàna hotadiavina eo am-bavany, satria irak' i Jehovah, Tompon' ny maro, izy. **8** Fa ianareo kosa dia efa nivily lalana sady nampahatafintohina olona maro ny amin' ny lalàna ary namadika ny fanekena amin' i Levy, hoy Jehovah; Tompon' ny maro. **9** Ary Izaho kosa dia efa nanolotra anareo ho fanazimbazimba sy ho fanao tsinontsinona eo anatrehan' ny vahoaka rehetra, noho ny tsy nitandremanareo ny lalako sy ny nizahanareo tavan' olona ny amin' ny lalàna. **10** Tsy mpiombon-dray va isika rehetra? Tsy Andriamanitra iray ihany va no nahary antsika? Koa nahoana no samy mivadika amin' ny rahalahintsika avy isika ka mamadika ny fanekena tamin' ny razantsika? **11** Ny Joda efa namitaka, ary misy fahavetavetana atao ao amin' ny Isiraely sy ao Jerosalema; fa ny Joda efa nandoto ny fitoera-masin' i Jehovah, izay tiany, sady efa nanambady ny zanaka-vavin' ny andriamani-kafa. **12** Enga anie ka hofongoran' i Jehovah hiala amin' ny lain' i Jakoba ny lehilahy izay manao izany, na iza na iza, sy izay manatitra fanatitra ho an' i Jehovah, Tompon' ny maro. **13** Ary faharoan' izany, dia izao koa no ataonareo: Saronanareo ranomaso sy fitomaniana ary fisentoana ny alitaran' i Jehovah, ka tsy mba jereny intsony ny fanatitra, ary tsy handray fankasitrahana avy amin' ny tananareo Izy. **14** Nefa hoy ianareo: Nahoana? Satria Jehovah no vavolombelona ny aminao sy ny vadin' ny fahatanoranao izay nofitahinao, na dia namanao sady vady efa vita fanekena taminao aza izy. **15** Moa tsy nisy anankiray nanao izany va, nefa mbola nanam-panahy ihany? Fa inona andrefa no notadiavin' ilay anankiray? Taranaka araka an' Andriamanitra. Koa dia tandremo ny fanahinareo, ary aoka tsy hisy hamitaka ny vadin' ny fahatanorany. **16** Fa halako ny fisaoram-bady, hoy Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, sy ny fanosenana fampahoriana amin' ny fitafiany, hoy Jehovah, Tompon' ny maro; koa tandremo ny fanahinareo, ary aza mamitaka ianareo. **17** Efa manasatra an' i Jehovah amin' ny teninareo ianareo. Nefa hoy ianareo: Amin' inona moa no anasaranay Azy? Amin' ny fanaovanareo hoe: Izay rehetra manao ratsy dia tsara eo imason' i Jehovah ka ankasitrahany, na amin' ny hoe: Aiza Andriamanitry ny fitsarana?

3 Indro, haniraka ny irako Aho, ary izy hanamboatra lalana eo alohako; ary ny Tompo Izay tadiavinareo dia ho avy tampoka ho eo an-tempoliny; ary ny Anjelin' ny fanekena Izay irinareo, dia, indro, tamy Izy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **2** Nefa iza no mahatanty ny andro hihaviany? Ary iza no mahajanona, raha miseho Izy? Fa Izy dia tahaka ny afon' ny mpandrendrika sy ny savonin' ny mpanasa lamba. **3** Ary hipetraka handrendrika sy hanadio volafotsy Izy; eny, hanadio ny taranak' i Levy Izy sy handrendrika azy toy ny fandrendrika volamena sy volafotsy, ka dia ho an' i Jehovah ireny ho mpanatitra fanatitra amim-pahamarinana. **4** Dia ho mamin' i Jehovah ny fanatitry ny Joda sy Jerosalema toy ny tamin' ny andro fahiny sy toy ny tamin' ny taona taloha. **5** Ary hanatona anareo ho fitsarana Aho ka ho vavolombelona faingana hanameloka ny mpanana ody sy ny mpijangajanga sy ny mpianian-tsy tò sy ny mpampahory ny mpikarama amin' ny karamany mbamin' ny mpitondratena sy ny kamboty ary izay mampahory ny vahiny; fa tsy matahotra Ahy izy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **6** Fa Izaho Jehovah dia tsy miova, ary ianareo, ry taranak' i Jakoba, dia tsy fongana. **7** Hatramin' ny andron' ny razanareo dia efa niala tamin' ny didiko ianareo ka tsy nitandrina azy. Miverena amiko, dia mba hiverina ho aminareo kosa Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. Nefa hoy ianareo: Ahoana ary no ho fiverinay? **8** Handroba an' Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy ianareo? Nefa hoy ianareo: Amin' inona moa no androbanay Anao? Amin' ny fahafolon-karena sy ny fanatitra. **9** Voaozona amin' ny ozona ianareo nefa Izaho no robainareo, dia izao ianareo rehetra iray firenena izao. **10** Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin' ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin' izany Aho, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, raha tsy hovohako ny varavaran' ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo. **11** Ary hasiako teny mafy ny valala noho ny aminareo, ka tsy hanimba ny vokatry ny tany intsony ireny, ka dia hahavanom-boa ny voalobokareo any an-tsaha, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **12** Ary ianareo hataon' ny firenena rehetra hoe sambatra; fa ho tany mahafinaritra ianareo, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **13** Ny teninareo dia mahery mamely Ahy hoy Jehovah. Nefa hoy ianareo: Inona no resakay nentinay namely Anao? **14** Tamin' ny nanaovanareo hoe: zava-poana ny manompo an' Andriamanitra; ary inona moa no soa efa azo tamin' ny fitandremantsika izay nasainy notandremana sy tamin' ny nandehanantsika nitafy lamba fisaonana teo anatrehan' i Jehovah, Tompon' ny maro. **15** Ary ankehitriny isika dia midera ny mpirehareha hoe sambatra; eny, voaorina tsara izay nanao ratsy, sady efa naka fanahy an' Andriamanitra izy, nefa afa-nandositra ihany. **16** Ary tamin' izany izay natahotra an' i Jehovah dia samy niresaka tamin' ny namany avy; ary Jehovah nihaino ka nandre izany; ary nisy boky nosoratana teo anatrehany ho fahatsiarovana izay matahotra an' i Jehovah sy mihevitra ny anarany. **17** Ary ho rakitra soa ho Ahy ireny amin' ny andro izay hotendreko, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, ary ho antra azy Aho toy ny olona antra ny zananilahy izay manompo azy. **18** Ka dia ho hitanareo indray ny tsi-fitovian' ny marina sy ny meloka, dia ny manompo an' Andriamanitra sy ny tsy manompo Azy.

4 Fa, indro, avy ny andro, mandoro toy na fatana fandoroana izy; ary ny mpirehareha rehetra sy ny mpanao ratsy rehetra dia ho vodivary; ka dia handoro azy ny andro izay ho avy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro, ka tsy hasiany miangana, na ny fakany na ny sampany. **2** Ary hiposaka aminareo, izay matahotra ny anarako, ny Masoandron' ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin' ny tanany; ary hivoaka ianareo ka hifalihavanja toy ny zanak' omby mifahy; **3** ary hohitsahinareo ny ratsy fanahy; fa ho lavenona eo ambanin' ny faladianareo izay amin' ny andro izay hotendreko, hoy Jehovah, Tompon' ny maro. **4** Tsarovinareo ny lelan' i Mosesy mpanompoko, izay nandidiako azy tao Horeba ny amin' ny Isiraely rehetra, dia ny didy sy ny fitsipika. **5** Indro, Izaho haniraka an' i Elia mpaminany ho aminareo, dieny tsy mbola tonga ny andron' i Jehovah, ilay lehibe sady mahatahotra; **6** ary izay hampody ny fon' ny ray ho amin' ny zanaka, ary ny fon' ny zanaka ho amin' ny rainy, fandrao ho avy Aho hamely ny tany amin' ny fandringanana.

TESTAMENTA VAOVAO



Ary hoy Jesosy: Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony.
Dia nanaovany loka no fizara ny fitafiany.
Lioka 23:34

Matio

1 Ny filazana ny razan' i Jesosy Kristy, zanak' i Davida zanak' i Abrahama. **2** Abrahama niteraka an' i Isaka; ary Isaka niteraka an' i Jakoba; ary Jakoba niteraka an' i Joda mirahalahy avy; **3** ary Joda niteraka an' i Fareza sy Zara tamin' i Tamara; ary Fareza niteraka an' i Hezrona; ary Hezrona niteraka an-dRama; **4** ary Rama niteraka an' i Aminadaba; ary Aminadaba niteraka an' i Nasona; ary Nasona niteraka an' i Salmona; **5** ary Salmona niteraka an' i Boaza tamin-dRahaba; ary Boaza niteraka an' i Obeda tamin-dRota; ary Obeda niteraka an' i Jese; **6** ary Jese niteraka an' i Davida mpanjaka. Ary Davida niteraka an' i Solomona tamin' ny vadin' i Oria; **7** ary Solomona niteraka an-dRehoboama; ary Rehoboama niteraka an' i Abia; ary Abia niteraka an' i Asa; **8** ary Asa niteraka an' i Josafata; ary Josafata niteraka an' i Jorama; ary Jorama niteraka an' i Ozia; **9** ary Ozia niteraka an' i Jotama; ary Jotama niteraka an' i Ahaza; ary Ahaza niteraka an' i Hezekia; **10** ary Hezekia niteraka an' i Manase; ary Manase niteraka an' i Amona; ary Amona niteraka an' i Josia; **11** ary Josia niteraka an' i Jekonia mirahalahy avy, tamin' ny nifindrana tany Babylona. **12** Ary taorian' ny nifindrana tany Babylona Jekonia dia niteraka an' i Sealtiela; ary Sealtiela niteraka an' i Zerobabela; **13** ary Zerobabela niteraka an' i Abihoda; ary Abihoda niteraka an' i Eliakima; ary Eliakima niteraka an' i Azora; **14** ary Azora niteraka an' i Zadoka; ary Zadoka niteraka an' i Akima; ary Akima niteraka an' i Elihoda; **15** ary Elihoda niteraka an' i Eleazara; ary Eleazara niteraka an' i Matana; ary Matana niteraka an i Jakoba; **16** ary Jakoba niteraka an' i Josefa, vadin' i Maria; ary Maria niteraka an' i Jesosy, Izay atao hoe Kristy. **17** Ary ny taranaka rehetra hatramin' i Abrahama ka hatramin' i Davida dia taranaka efatra ambin' ny folo; ary hatramin' i Davida ka hatramin' ny nifindrana tany Babylona dia taranaka efatra ambin' ny folo; ary hatramin' ny nifindrana tany Babylona ka hatramin' i Kristy dia taranaka efatra ambin' ny folo. **18** Ary ny nahaterahan' i Jesosy Kristy dia toy izao: Rehefa nanaiky Maria, renin' i Jesosy, ho fofombadin' i Josefa, raha tsy mbola nivady izy, dia hita fa nitoe-jaza avy tamin' ny Fanahy Masìna izy. **19** Ary Josefa vadiny, izay lehilahy marina sady tsy ta-hanala baraka azy, dia nikasa hametraka azy mangingina. **20** Fa raha mbola nisaina izany izy, indro, nisy anjelin' ny Tompo niseho taminy tamin' ny nofy ka nanao hoe: Ry Josefa, zanak' i Davida, aza matahotra hampakatra an' i Maria vadinao; fa ny Zaza ao an-kibony dia avy amin' ny Fanahy Masìna, **21** ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin' ny fahotany. **22** Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazain' ny Tompo ny mpaminany hoe: **23** Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon' ny olona hoe Imanoela, izany hoe, raha adika: Amintsika Andriamanitra. **24** Ary Josefa, rehefa nahatsiaro tamin' ny torimasony, dia nanao araka izay nandidian' ny anjelin' ny Tompo ary ka nampakatra ny vadiny. **25** Ary tsy nahalala azy izy mandra-piterany Zazalahy; ary ny anarany nataony hoe Jesosy.

2 Ary rehefa teraka Jesosy tao Betlehema an' i Jodia, tamin' ny andron' i Heroda mpanjaka, indreo, nisy Magy avy tany atsinanana tonga tany Jerosalema ka nanao hoe: **2** Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan' ny Jiosy? fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany. **3** Ary nony nandre izany Heroda mpanjaka, dia nangorohoro izy mbamin' i Jerosalema rehetra. **4** Dia namory ny lohan' ny mpisorona rehetra sy ny mpanoradalàna tamin' ny vahoaka izy ka nanontany ary hoe: Aiza mba no hahaterahan' i Kristy? **5** Ary hoy ireo taminy: Ao Betlehema an' i Jodia; fa izao no voasoratry ny mpaminany: **6** Ary ianao, ry Betlehema, tanin' ny Joda, tsy dia kely indrindra ao amin' ny andrianan' ny Joda ianao tsy akory; Fa avy ao aminao no hivoahan' izay anankiray ho Mpanapaka, Ka Izy no ho Mpiandry ny Isiraely oloko. **7** Dia nampaka ny Magy mangingina Heroda ka namototra fatratra taminy izay andro nisehoan' ilay kintana. **8** Dia naniraka azy hankany Betlehema izy ka nanao hoe: Andeha, fotory tsara ny amin' ilay Zazakely; koa rehefa hitanareo Izy, dia ambarao amiko, mba hankanesako any koa hiankohoka eo anatrehany. **9** Ary rehefa nandre ny tenin' ny mpanjaka izy ireo, dia lasa; ary, indro, ilay kintana hitany teny atsinanana nialoha azy mandra-pijanony teo ambonin' izay nitoeran' ny Zazakely. **10** Ary nony nahita ny kintana izy, dia nifaly indrindra. **11** Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany; ary nony efa nosokafany ny fitehirizan-drakiny, dia nanolotra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zava-manitra ary miora. **12** Ary rehefa notoroan' Andriamanitra hevitra tamin' ny nofy izy tsy hiverina any amin' i Heroda, dia lalana hafa no nalehany nody ho any amin' ny fonenany. **13** Ary nony efa lasa nandeha ireo, indro, nisy anjelin' ny Tompo niseho tamin' i Josefa tamin' ny nofy ka nanan hoe: Mifohaza ianao, ka ento ny Zazakely sy ny reniny, dia mandosira any Egypta, ary mitoera any ambara-pilazako aminao; fa Heroda efa hitady ny Zazakely hovonoiny. **14** Dia nifoha izy ka nitondra ny Zazakely sy ny reniny, raha mbola alina, dia lasa nankany Egypta; **15** ary nitoetra tany izy ambara-pahafatin' i Heroda, mba hahatanteraka izay nampilazain' i Jehovah ny mpaminany hoe: Nantsoiko hiala tany Egypta ny zanako. **16** Ary nony efa fantatr' i Heroda fa voafitaky ny Magy izy, dia tezitra indrindra izy ka naniraka namono ny zazalahy rehetra hatramin' ny roa taona no ho midìna, izay tao Betlehema sy tamin' ny manodidina rehetra, araka ny andro izay nofotorany fatratra tamin' ny Magy. **17** Dia tanteraka izay nampilazaina an' i Jeremia mpaminany hoe: **18** Nisy feo re tao Rama, dia fidradradradrana sy fitomaniana fatratra; Rahely nitomany ny zanany, Ary tsy azo nampiononina izy, satria lany ritra ireny. **19** Ary rehefa maty Heroda, indro, nisy anjelin' ny Tompo niseho tamin' i Josefa tany Egypta tamin' ny nofy ka nanao hoe: **20** Mifohaza ianao, ka ento ny Zazakely sy ny reniny, dia mankanesa any amin' ny tanin' ny Isiraely; fa efa maty izay nitady ny ain' ny Zazakely. **21** Dia nifoha izy ka nitondra ny

Zazakely sy ny reniny, dia tonga tany amin' ny tanin' ny Isiraely. **22** Fa rehefa reny fa Arkelaosy no nanjaka tany Jodia nandimby an' i Heroda rainy, dia natahotra hankany izy; ary rehefa notoroan' Andriamanitra hevitra tamin' ny nofy izy, dia lasa nankany amin' ny tany Galilia. **23** Ary nony tonga tany izy, dia nonina tao amin' ny tanàna atao hoe Nazareta, mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany hoe: Hatao hoe Nazarena Izy.

3 Ary tamin' izany andro izany dia niseho Jaona Mpanao batisa, nitory tany an-efitr' i Jodia nanao hoe: **2** Mibebaha ianareo; fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra. **3** Fa izy no ilay nampilazaina an' Isaia mpaminany hoe: Injany! misy feon' ny miantso mafy any an-efitra hoe: Amboary ny lalan' i Jehovah, Ataovy mahitsy ny lalan-kalehany. **4** Ary ny fitafian' izany Jaona izany dia lamba volon-drameva, ary fehin-kibo hoditra no tamin' ny valahany; ary ny fihinany dia valala sy tantely remby. **5** Ary Jerosalema sy Jodia rehetra mbamin' ny tany rehetra amoron' i i Jordana dia nivoaka nankany amin' i Jaona, **6** ka nataony batisa tao amin' ny ony Jordana ireny, rehefa niaiky ny fahotany. **7** Fa nony nahita ny Fariseo sy ny Sadoseo maro nanatona ny batisany izy, dia hoy izy taminy: Ry taranaky ny menarana, iza no nanoro hevitra anareo handositra ny fahatezerana ho avy? **8** Koa mamoaza voa miendrika ny fibebahana ianareo; **9** ary aza manao anakampo hoe: Manana an' i Abrahama ho rainay izahay; fa lazaiko aminareo fa Andriamanitra mahay manangana zanaka ho an' i Abrahama avy amin' ireto vato ireto. **10** Ary, indro, efa mipetraka eo amin' ny fototry ny hazo sahady ny famaky; koa ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo. **11** Izaho dia manao batisa anareo amin' ny rano ho amin' ny fibebahana; fa Ilay avy ao aoriako no mahery noho izaho, ka tsy miendrika hitondra ny kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin' ny Fanahy Masìna sy ny afo; **12** eny an-tànany ny fikororohany, ary Izy hanadio tsara ny eo am-pamoloany ka hanangona ny variny ho any an-tsompitra; fa ny akofa sy ny mololo hodorany amin' ny afo tsy mety maty. **13** Ary tamin' izay Jesosy dia avy tany Galilia ka tonga teo amoron' i Jordana, dia nanatona an' i Jaona Izy mba hataony batisa. **14** Fa Jaona nandà Azy ka nanao hoe: Izaho no tokony hataonao batisa, ka Hianao indray va no mankaty amiko? **15** Fa namaly Jesosy ka niteny taminy hoe: Ekeo ihany ankehitriny, fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Ka dia nekeny Izy. **16** Ary raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin' ny rano niaraka tamin' izay Izy; ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin' Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny. **17** Ary, injao! nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako.

4 Ary Jesosy dia nentin' ny Fanahy nankany an-efitra, mba halain' ny devoly fanahy. **2** Ary nifady hanina efa-polo andro sy efa-polo alina Izy, koa nony afaka izany, dia noana. **3** Dia nanatona ny mpaka fanahy ka nanao taminy hoe: Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto. **4** Fa Izy kosa namaly ka nanao hoe: Voasoratra hoe: Tsy mofo ihany no hiveloman' ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra. **5** Ary ny devoly nitondra Azy nankany amin' ny tanàna masìna ka nampitoetra Azy teo an-tampon ny tempoly, **6** dia nanao taminy hoe: Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any; fa voasoratra hoe: Izy handidy ny anjeliny ny aminao; Ary eny an-tànany no hitondran' ireo Anao, fandrao ho tafintohina amin' ny vato ny tongotrao. **7** Hoy Jesosy taminy: Voasoratra hoe koa: Aza maka fanahy an' i Jehovah Andriamanitrao. **8** Ary ny devoly nitondra Azy Indray nankany an-tendrombohitra avo dia avo ka naneho Azy ny fanjakana rehetra amin' izao tontolo izao mbamin' ny voninahiny, **9** dia nanao taminy hoe: Izao rehetra izao dia homeko Anao, raha hiankohoka eto anatrehako Hianao. **10** Fa hoy Jesosy taminy: Mandehana ianao, ry Satana: fa voasoratra hoe; Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao. **11** Dia nandao Azy ny devoly, ary indreo, nisy anjely tonga ka nanompo Azy. **12** Ary nony ren' i Jesosy fa efa voasambotra Jaona, dia lasa nankany Galilia Izy. **13** Ary nony niala tany Nazareta Izy, dia nankany Kapernaomy, izay ao amoron-dranomasina, ao amin' ny zara-tanin' ny Zebolona sy ny Naftaly, ka nonina tao Izy, **14** mba hahatanteraka izay nampilazaina an' Isaia mpaminany hoe: **15** Ny tanin' ny Zebolona sy ny tanin' ny Naftaly, Ao amin' ny tany amoron-dranomasina, any an-dafin' i Jordana, Galilia, tanin' ny jentilisa, **16** Ny olona izay nitoetra tao amin' ny maizina dia nahita mazava lehibe; Ary izay nitoetra tao amin' ny tany aloky ny fahafatesana no niposahan' ny fahazavana. **17** Ary tamin' izany andro izany dia nanomboka nitori-teny Jesosy ka nanao hoe: Mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra. **18** Ary nony nitsangantsangana teny amoron' ny Ranomasin' i Galilia Jesosy, dia nahita olona mirahalahy, dia Simona, izay atao hoe Petera, sy Andrea rahalahiny, nanarato teny amin' ny ranomasina; fa mpanarato izy. **19** Dia hoy Jesosy taminy: Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo. **20** Dia nandao ny harato niaraka tamin' izay izy ka nanaraka Azy. **21** Ary raha mbola nandroso Izy, dia nahita olona mirahalahy hafa koa, dia Jakoba zanak' i Zebedio, sy Jaona rahalahiny, izay niara-nipetraka tamin' i Zebedio rainy teo an-tsambokely ka namboatra ny haratony; ary niantso azy mirahalahy Izy. **22** Dia nandao ny sambokely sy ny rainy niaraka tamin' izay izy ka nanaraka Azy. **23** Ary Jesosy nandeha eran' i Galilia ka nampianatra tao amin' ny synagogan' ny olona teo sy nitory ny filazantsaran' ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin' ny rofy rehetra tamin' ny olona. **24** Ary niely eran' i Syria ny lazany, ka dia nentin' ny olona tany aminy ny marary rehetra, izay azon' ny aretina maro samy hafa sy ny fangirifiriana, dia ny demoniaka sy izay mararin' ny androbe ary ny mararin' ny paralysisa, ka nahasitrana ireny Izy. **25** Dia nanaraka Azy ny vahoaka betsaka avy tany Galilia sy Dekapolisy sy Jerosalema sy Jodia ary ny avy tany an-dafin' i Jordana.

5 Ary Jesosy, nony nahita ny vahoaka, dia niakatra teo antendrombohitra; ary rehefa tafapetraka Izy, dia nanatona Azy ny mpianany. **2** Dia niloa-bava Izy ka nampianatra azy hoe: **3** Sambatra ny malahelo am-panahy; fa azy ny fanjakan' ny lanitra. **4** Sambatra ny ory; fa izy no hampifalina. **5** Sambatra ny malemy fanahy; fa izy no handova ny tany. **6** Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana; fa izy no hovokisana. **7** Sambatra ny miantra; fa izy no hiantrana. **8** Sambatra ny madio ampo; fa izy no hahita an' Andriamanitra, **9** Sambatra ny mpampihavana; fa izy no hatao hoe zanak' Andriamanitra. **10** Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana; fa azy ny fanjakan' ny lanitra. **11** Sambatra ianareo, raha haratsin' ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko. **12** Mifalia sy miravoravoa ianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any andanitra; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo. **13** Hianareo no fanasin' ny tany; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin' ny olona. **14** Hianareo no fahazavan' izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. **15** Ary koa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin' ny vata famarana, fa apetrany eo amin' ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin' izay rehetra ao antrano izany. **16** Aoka hazava eo imason' ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra. **17** Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany; tsy tonga Aho handrava, fa hanatanteraka. **18** Fa lazaiko aminareo marina tokoa: Mandra-pahafoan' ny lanitra sy ny tany, dia tsy hisy ho foana akory amin' ny lalàna, na dia litera iray na tendron-tsoratra iray aza, mandra-pahatanterak' izy rehetra. **19** Ary amin' izany na zovy na zovy no mamaha ny anankiray amin' ireo didy madinika indrindra ireo ka mampianatra ny olona toy izany, dia hatao hoe kely indrindra amin' ny fanjakan' ny lanitra izy. Fa na zovy na zovy no mankatò sy mampianatra ireo dia izy no hatao hoe lehibe amin' ny fanjakan' ny lanitra. **20** Fa lazaiko aminareo: Raha tsy mihoatra noho ny an' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra mihitsy ianareo. **21** Efa renareo fa voalaza tamin' ny ntaolo hoe: Aza mamono olona; ary izay mamono olona dia miendrika hohelohina amin' ny fitsarana. **22** Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra tezitra amin' ny rahalahiny dia miendrika hohelohina amin' ny fitsarana; ary na zovy na zovy no hanao amin' ny rahalahiny hoe: Olom-poana ianao, dia miendrika hohelohina amin' ny Synedriona; ary na zovy na zovy no hanao hoe: Foka ialahy, dia miendrika ho ao amin' ny helo mirehitra afo. **(Geenna g1067)** **23** Ary amin' izany, raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin' ny alitara ianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, **24** dia avelao eo anoloan' ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana aloha, ataovy izay hihavananao amin' ny rahalahinao, ary rehefa miverina, dia vao atero ny fanatitrao. **25** Mihavàna faingana amin' ilay manana ady aminao, raha mbola miara-dia aminy ianao, fandrao ilay manana ady aminao hanolotra anao amin' ny mpitsara, ary ny mpitsara kosa hanolotra anao amin' ny mpamatotra, ka hatao ao an-tranomaizina ianao. **26** Lazaiko aminao marina tokoa: Tsy ho afaka ao mihitsy ianao, ambarapandoanao ny variraiventy farany indrindra. **27** Efa, renareo fa voalaza hoe: Aza mijangajanga. **28** Fa Izaho kosa milaza aminareo fa izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga taminy tam-pony sahady. **29** Fa raha ny masonao ankavanana no manafintohina anao, dia esory hiala iny, ka ario ho afaka aminao; fa mahasoa anao na dia very aza ny iray momba ny tenanao, ka tsy ny tenanao rehetra no hariana any amin' ny helo. **(Geenna g1067)** **30** Ary raha ny tananao ankavanana no manafintohina anao, dia tapaho Izy, ka ario ho afaka aminao; fa mahasoa anao na dia very aza ny iray momba ny tenanao, ka tsy ny tenanao rehetra no ho lasa ho any amin' ny helo. **(Geenna g1067)** **31** Ary voalaza hoe: Na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, dia aoka izy hanome an-dravehivavy taratasy fisaorambady. **32** Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra misaotra ny vadiny afa-tsy noho ny fijangajangana ihany dia mampijangajanga azy; ary na zovy na zovy no manambady izay voasaotra, dia mijangajanga. **33** Ary koa, efa renareo fa voalaza tamin' ny ntaolo hoe: Aza mianian-tsy tò, fa efao amin' i Jehovah ny fianiananao. **34** Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Aza mianiana akory na amin' ny lanitra, fa seza fiandrianan' Andriamanitra izany; **35** na amin' ny tany, fa fitoeran-tongony izany; na amin' i Jerosalema, fa tanànan' ny Mpanjaka lehibe izany. **36** Aza mianiana amin' ny lohanao; fa tsy mahay mahafotsy na mahamainty na dia singam-bolo iray akory aza ianao. **37** Fa aoka ny teninareo ho Eny, eny; Tsia, tsia; fa izay mihoatra noho izany dia avy amin' ny ratsy. **38** Efa renareo fa voalaza hoe: Maso solon' ny maso, ary nify solon' ny nify. **39** Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Aza manohitra izay manisy ratsy anareo; fa na zovy na zovy no mamely tahamaina ny takolakao ankavanana, atolory azy koa ny anankiray. **40** Ary izay te hiady aminao ka tahaka ny akanjonao, dia avelao ho azy koa ny lambanao. **41** Ary na zovy na zovy no hanery anao handeha maily iray, mandehana miaraka aminy maily roa. **42** Omeo izay mangataka aminao; ary aza ilaoza-mihodìna izay te hisambotra aminao. **43** Efa renareo fa voalaza hoe: Tiava ny namanao, ary mankahalà ny fahavalonao. **44** Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an' izay manenjika anareo, **45** mba ho tonga zanaky ny Rainareo Izay any an-danitra ianareo; fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin' ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin' ny marina sy ny tsy marina. **46** Fa raha izay tia anareo ihany no tianareo, inona no valim-pitia azonareo? Moa na dia ny mpamory hetra aza tsy mba manao izany koa va? **47** Ary raha ny rahalahinareo ihany no arahabainareo, inona no ataonareo mihoatra noho ny sasany? Moa na dia ny jentilisa aza tsy mba manao toy izany ihany va? **48** Koa amin izany aoka ho tanteraka ianareo toy ny fahatanterahan' ny Rainareo Izay any an-danitra.

6 Tandremo mba tsy hanao ny asan' ny fahamarinanareo eo imason' ny olona hahitany izany; Fa raha tsy izany, dia tsy manana valim-pitia amin' ny Rainareo Izay any an-danitra ianareo. **2** Koa amin' izany, raha manao fiantrana ianao, aza mba mitsoka trompetra eo aloanao tahaka ny fanaon' ny mpihatsaravelatsihy eo amin' ny synagoga sy eny an-dalambe mba hankalazan' ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. **3** Fa ianao kosa, raha manao fiantrana, dia aoka tsy ho fantatry ny tananao ankavia izay ataon' ny tananao ankavanana, **4** mba hatao ao amin' ny mangingina ny fiantranao; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin' ny mangingina, no hamaly anao. **5** Ary raha mivavaka ianareo, aza mba ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy; Fa izy tia ny mivavaka mitsangana eo amin' ny synagoga sy eo an-joron-dalana hahitan' ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. **6** Fa ianao kosa, raha mivavaka, dia midìra ao amin' ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin' ny Rainao, Izay ao amin' ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao. **7** Ary raha mivavaka ianareo, dia aza mba manao teny maro foana tahaka ny jentilisa; Fa ataony ho ny hamaroan' ny teniny no hihainoana azy. **8** Koa aza manahaka azy ianareo; fa fantatry ny Rainareo izay tokony ho anareo, raha tsy mbola mangataka aminy aza ianareo. **9** Koa amin' izany mivavaha toy izao ianareo: Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. **10** Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra. **11** Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. **12** Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. **13** Ary aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin' ny ratsy. **14** Fa raha mamela ny fahadisoan' ny olona ianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. **15** Fa raha tsy mamela ny fahadisoan' ny olona ianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo. **16** Ary raha mifady hanina ianareo, aza mety ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy, izay malahelo tarehy; fa mampisotisoty ny tavany izy mba ho hitan' ny olona fa mifady. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. **17** Fa ianao kosa, raha mifady hanina, dia hosory ny lohanao, ary sasao ny tavanao, **18** mba tsy ho hitan' ny olona fa mifady, fa ho hitan' ny Rainao, Izay ao amin' ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin' ny mangingina, no hamaly anao. **19** Aza mihary harena ho anareo eto an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manami-trano sy mangalatra. **20** Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra. **21** Fa izay itoeran' ny harenao, dia ho any koa ny fonao. **22** Ny maso no jiron' ny tena; koa amin' izany, raha tsara ny masonao, dia hazava avokoa ny tenanao rehetra. **23** Fa raha ratsy ny masonao, dia ho maizina avokoa ny tenanao rehetra; koa raha maizina ny fahazavana ao anatinao, manao ahoana ny halehiben' izany fahamaizinana izany! **24** Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an' Andriamanitra sy Mamôna ianareo. **25** Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Aza manahy ny amin' ny ainareo, dia izay hohaninareo na izay hosotroinareo, na ny amin' ny tenanareo, dia izay hotafinareo. Moa ny aina tsy mihoatra noho ny hanina va, ary ny tena noho ny fitafiana? **26** Tsinjovy ny voro-manidina, fa tsy mba mamafy, na mijinja, na mitaona ho any an-tsompitra ireny; ary ny Rainareo Izay any an-danitra mamelona azy. Moa tsy mihoatra lavitra noho ireny va ianareo? **27** Ary iza ao aminareo, na dia manahy aza, no mahay manampy ny andro hiainany na dia kely monja aza? **28** Ary nahoana no manahy ny amin' ny fitafiana ianareo? Diniho tsara ny fanirin' ny voninkazo any an-tsaha; tsy mba miasa na mamoly ireny; **29** nefa lazaiko aminareo fa na dia Solomona tao amin' ny voninahiny rehetra aza tsy mba nitafy tahaka ny anankiray amin' ireny. **30** Ary raha ny ahitra any an-tsaha, izay any ihany anio ka hatsipy ao am-patana rahampitso, no ampitafin' Andriamanitra toy izany, tsy mainka va ianareo, ry kely finoana? **31** Dia aza manahy ianareo ka manao hoe: Inona no hohaninay? na: Inona no hosotroinay? na: Inona no hotafinay? **32** Fa izany rehetra izany dia katsahin' ny jentilisa fatratra; fa fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra fa tokony ho anareo izany rehetra izany. **33** Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany. **34** Ary amin' izany dia aza manahy ny amin' ny ampitso ianareo; fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an' ny andro ny ratsy miseho ao aminy.

7 Aza mitsara, mba tsy hotsaraina ianareo. **2** Fa araka ny fitsarana ataonareo no hitsarana anareo; ary araka ny ohatra ataonareo no hanoharana ho anareo. **3** Ary nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo eo amin' ny mason' ny rahalahinao, fa ny andry eo amin' ny masonao dia tsy mba tsaroanao? **4** Ary ahoana no hilazanao amin' ny rahalahinao hoe: Aoka aho hanaisotra ny sombin-kazo eo amin' ny masonao; nefa, indro, ny andry eo amin' ny masonao? **5** Ry mpihatsaravelatsihy, esory aloha ny andry eo amin' ny masonao, ary amin' izay vao ho hitanao tsara ny hanesoranao ny sombin-kazo eo amin' ny mason' ny rahalahinao. **6** Aza omena ny alika izay masìna; ary aza atsipy eo anoloan' ny kisoa ny vato soanareo, fandrao hanitsaka azy izy, dia hifotitra ka hamiravira anareo. **7** Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. **8** Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana. **9** Ary iza moa aminareo, raha angatahan' ny zanany mofo, no hanome azy vato? **10** ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana? **11** Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an' ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an' izay mangataka aminy? **12** Koa amin' izany na inona na inona tianareo hataon' ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany; fa izany no lalàna sy mpaminany. **13** Midìra amin' ny vavahady èty ianareo; fa lehibe ny

vavahady, ary malalaka ny lalana izay mankany amin' ny fahaverezana, ka maro ny miditra any. **14** Fa èty ny vavahady, ary terỳ ny lalana izay mankany amin' ny fiainana, ka vitsy ny mahita azy. **15** Mitandrema ianareo, fandrao ho voafitaky ny mpaminany sandoka, izay mankao aminareo amin' ny fitafian' ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha izy. **16** Ny voany no hahafantaranareo azy. Manoty voaloboka amin' ny tsilo va ny olona, na aviavy amin' ny songosongo? **17** Dia toy izany, ny hazo tsara rehetra dia mamoa voa tsara; fa ny hazo ratsy rehetra dia mamoa voa ratsy. **18** Ny hazo tsara tsy mety mamoa voa ratsy, ary ny hazo ratsy tsy mety mamoa voa tsara. **19** Ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo. **20** Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy. **21** Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon' ny Raiko Izay any an-danitra. **22** Maro no hanao amiko amin' izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin' ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin' ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin' ny anaranao va izahay? **23** Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka. **24** Koa amin' izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin' ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin' ny vatolampy. **25** Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; nefa tsy nianjera izy, satria efa naorina teo ambonin' ny vatolampy. **26** Fa izay rehetra mandre izany teniko izany, nefa tsy mankatò azy, dia hoharina amin' ny lehilahy adala, izay nanorina ny tranony teo ambonin' ny fasika. **27** Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; dia nianjera izy, ka loza ny fianjerany. **28** Ary nony efa vitan' i Jesosy izany teny izany, dia talanjona ny vahoaka noho ny fampianarany, **29** satria nampianatra azy toy izay manana fahefana Izy, fa tsy tahaka ny mpanoradalàna teo aminy.

8 Ary raha nidina avy teo an-tendrombohitra Izy, dia nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy. **2** Ary, indro, nisy boka anankiray nanatona dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Tompoko ô, raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy. **3** Ary Jesosy naninjitra ny tànany, dia nanendry azy ka nanao hoe: Mety Aho; madiova ianao. Dia nadio tamin' ny habokany niaraka tamin' izay izy. **4** Ary hoy Jesosy taminy: Tandremo mba tsy hilaza amin' olona na dia iray akory aza ianao; fa mandehana, misehoa amin' ny mpisorona, ka mitondrà ny fanatitra izay nandidian' i Mosesy ho vavolombelona amin' ireo. **5** Ary nony tonga tao Kapernaomy Jesosy, dia nisy kapiteny anankiray nankao aminy ka nitaraina taminy **6** nanao hoe: Tompoko ô, ny ankizilahiko mandry ao an-trano, mararin' ny paralysisa ka mijaly loatra. **7** Dia hoy Jesosy taminy: Ho avy Aho hahasitrana azy. **8** Fa namaly ilay kapiteny ka nanao hoe: Tompoko, tsy miendrika hidiranao ao ambanin' ny tafon-tranoko aho; fa mitenena ihany, dia ho sitrana ny ankizilahiko. **9** Fa izaho koa mba lehilahy manan-dehibe ihany ka manana miaramila izay feheziko; ary raha hoy izaho amin' ny anankiray: Mandehana, dia mandeha izy; ary amin' ny anankiray koa: Avia, dia avy izy; ary amin' ny andevolahiko: Ataovy izao, dia manao izy. **10** Ary nony nahare izany Jesosy, dia gaga ka niteny tamin' izay nanaraka Azy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho na dia tamin' ny Isiraely aza. **11** Ary lazaiko aminareo fa maro ny avy any atsinanana sy any andrefana no ho tonga ka hipetraka hiara-mihinana amin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba any amin' ny fanjakan' ny lanitra; **12** fa ny zanaky ny fanjakana dia hariana amin' ny maizina any ivelany; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. **13** Ary Jesosy niteny tamin' ilay kapiteny hoe: Mandehana; tongava aminao araka ny ninoanao. Dia sitrana tamin' izany ora izany ilay ankizilahy. **14** Ary Jesosy, nony niditra tao an-tranon' i Petera, dia nahita ny rafozam-bavin' i Petera nandry teo nanavin' ny tazo. **15** Ary nanendry ny tànany Izy, dia niala taminy ny tazo; dia nitsangana ravehivavy ka nanompo Azy. **16** Ary nony hariva ny andro, dia nentin' ny olona tany aminy ny demoniaka maro; ary ny teniny ihany no namoahany ny fanahy ratsy, ary izay narary rehetra dia nositraniny avokoa, **17** mba, hahatanteraka izay nampilazaina an' Isaia mpaminany hoe: Izy naka ny rofintsika sy nitondra ny aretintsika. **18** Ary Jesosy, nony nahita ny vahoaka betsaka manodidina Ary, dia nanome teny hiala ho eny am-pita. **19** Ary nanatona ny mpanoradalàna anankiray ka nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, hanaraka Anao aho na aiza na aiza no halehanao. **20** Fa hoy Jesosy taminy: Ny amboahaolo manan-davaka; ary ny voro-manidina manana fialofana; fa ny Zanak' olona tsy mba manana izay hipetrahan' ny lohany. **21** Ary nisy hafa koa tamin' ny mpianatra niteny taminy hoe: Tompoko, aoka aho aloha handeha handevina ny raiko. **22** Fa hoy Jesosy taminy: Manaraha Ahy; ary aoka ny maty handevina ny maty ao aminy. **23** Ary nony niondrana an-tsambokely Izy, dia nanaraka Azy ny mpianany. **24** Ary, indro, nisy tafio-drivotra mafy tonga tamin' ny ranomasina, ka dia efa nila ho voasafotry ny alon-drano ny sambokely; fa Izy natory. **25** Ary nanatona izy ireo, dia namoha Azy ka nanao hoe: Tompoko, vonjeo, fa maty izahay! **26** Ary hoy Izy taminy: Nahoana no saro-tahotra ianareo, ry kely finoana? Dia nitsangana Izy, ka noteneniny mafy ny rivotra sy ny ranomasina, dia tonga tony tsara ny andro. **27** Ary talanjona ny olona ka nanao hoe: Lehilahy manao ahoana re Io, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza dia manaiky Azy! **28** Ary nony tonga teny am-pita teo amin' ny tanin' ny Gadarena Izy, dia nifanena taminy ny demoniaka roa lahy, nivoaka avy teny amin' ny fasana, sady masiaka loatra, ka tsy nisy olona nahazo nandalo tamin' izany lalana izany. **29** Ary, indro, niantso izy ka nanao hoe: Moa mifaninona akory izahay sy Hianao, ry Zanak' Andriamanitra ô? Tonga eto va Hianao hampijaly anay alohan' ny fotoana? **30** Ary nisy kisoa maro andiany iray nihinana teny lavidavitra azy teny. **31** Ary ny demonia nifona tamin' i Jesosy ka nanao hoe:

Raha avoakanao ary izahay, dia iraho hankany anatin' ireo kisoa andiany ireo. **32** Ary hoy Izy taminy: Mandehana. Dia nivoaka ireo, ka lasa nankany anatin' ny kisoa; ary, indreny, ny kisoa andiany rehetra nitratrevatreva teny amin' ny hantsana ho any amin' ny ranomasina, ka dia maty tany anatin' ny rano. **33** Ary ny mpiandry nandositra, dia nankany an-tanàna ka nilaza ny zavatra rehetra ny amin' ireo demoniaka. **34** Ary, indreo, nivoaka ny tao an-tanàna rehetra mba hitsena an' i Jesosy; ka nony nahita Azy izy, dia nifona taminy mba hiala amin' ny fari-taniny.

9 Ary niondrana an-tsambokely Izy, dia nita ka tonga tao an-tanànany. **2** Ary, indro, nisy lehilahy anankiray mararin' ny paralysisa nandry tamin' ny fandriana nentin' ny olona teo aminy; ary Jesosy, nony nahita ny finoan' ireo, dia nanao tamin' ilay mararin' ny paralysisa hoe: Matokia, anaka; voavela ny helokao. **3** Ary, indreo, ny mpanoradalàna sasany nanao anakampo hoe: Miteny ratsy ity Lehilahy ity. **4** Fa Jesosy nahafantatra ny eritreriny, dia nanao hoe: Nahoana ianareo no mieritreri-dratsy ao amponareo? **5** Fa iza moa no moramora kokoa, ny manao hoe va: Voavela ny helokao, sa ny manao hoe: Mitsangàna, ka mandehana? **6** Fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak' olona manana fahefana eto ambonin' ny tany hamela heloka (dia hoy Izy tamin' ilay mararin' ny paralysisa): Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka modia any an-tranonao. **7** Dia nitsangana izy ka lasa nody tany an-tranony. **8** Ary ny vahoaka, raha nahita izany, dia raiki-tahotra ka nankalaza an' Andriamanitra, Izay nanome ny olona fahefana toy izany. **9** Ary nony niala teo Jesosy, dia nahita lehilahy atao hoe Matio nipetraka teo am-pamorian-ketra, ka hoy Izy taminy; Andeha hanaraka Ahy. Dia nitsangana Matio ka nanaraka Azy. **10** Ary raha nipetraka nihinana tao an-trano Izy, indreo, nisy mpanota sy mpamory hetra maro tonga ka niara-nipetraka tamin' i Jesosy mbamin' ny mpianany. **11** Ary ny Fariseo, raha nahita izany, dia niteny tamin' ny mpianatra hoe: Nahoana kosa ny Mpampianatra anareo no miara-komana amin' ny mpamory hetra sy ny mpanota? **12** Ary raha nahare izany Jesosy, dia nanao hoe: Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary. **13** Fa mandehana ka mianara izay hevitry ny teny hoe: Famindram-po no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-drà; fa tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota. **14** Dia nankany amin' i Jesosy ny mpianatr' i Jaona ka nanao hoe: Nahoana izahay sy ny Fariseo no mifady hanina matetika, fa ny mpianatrao kosa tsy mba mifady? **15** Ary hoy Jesosy taminy: Moa mahay misaona va ny havan' ny mpampakatra, raha mbola ao aminy ihany ny mpampakatra? fa ho avy ny andro izay hanesorana ny mpampakatra hiala aminy, dia amin' izay vao hifady izy. **16** Ary tsy misy olona manampina lamba tonta amin' ny tapa-damba tsy mbola voalòna; fa ny vaovao izay natampina dia handrovitra ny lamba, ka hitatra ny triatra. **17** Ary tsy misy manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta; raha izany, dia ho triatra ny siny hoditra, ka ho raraka ny divay, sady ho simba ny siny hoditra; fa ny siny hoditra vaovao no asian' ny olona divay vaovao, dia miara-maharitra izy roroa. **18** Raha mbola nilaza izany taminy Izy, indro, tonga ny mpanapaka anankiray, dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Maty ankehitriny izao ny zanako-vavy; fa andeha re, mametraha ny tananao aminy, dia ho velona izy. **19** Dia nitsangana nanaraka azy Jesosy mbamin' ny mpianany. **20** Ary, indro, nisy vehivavy anankiray, izay efa narary roa ambin' ny folo taona, nankeo ivohony ka nanendry ny somotraviavin-dambany. **21** Fa hoy izy anakampony: Na dia ny lambany ihany aza no ho voatendriko, dia ho sitrana aho. **22** Ary Jesosy nihodina ka nahita azy, dia nanao hoe: Matokia, ry zanako-vavy, ny finoanao no efa nahasitrana anao. Dia sitrana ilay vehivavy tamin' izay ora izay. **23** Ary Jesosy, nony niditra tao an-tranon' ilay mpanapaka ka nahita ny mpitsoka sodina sy ny vahoaka nitabataba, **24** dia nanao hoe: Mivoaha; fa tsy maty razazavavy, fa matory. Dia nihomehy Azy fatratra ny olona. **25** Ary nony efa navoaka ny olona, dia niditra Jesosy ka nandray ny tànan-drazazavavy, dia nitsangana izy. **26** Ary ny lazan' izany dia niely tamin' izany tany rehetra izany. **27** Ary nony niala teo Jesosy, dia nisy jamba roa lahy nanaraka Azy sady niantsoantso hoe: Mamindrà fo aminay, ry Zanak' i Davida ô! **28** Ary rehefa niditra tao an-trano Izy, dia nanatona Azy ireo jamba; ary hoy Jesosy taminy: Mino va ianareo fa mahay manao izany Aho? Hoy izy taminy: Eny, Tompoko. **29** Dia nanendry ny masony Izy ka nanao hoe: Tongava aminareo araka ny finoanareo. **30** Dia nahiratra ny masony; ary Jesosy namepetra azy mafy ka nanao hoe: Tandremo mba tsy ho fantatr' olona izao. **31** Kanjo nony niala teo izy roa lahy, dia nampiely ny lazany tamin' izany tany rehetra izany. **32** Ary rehefa nivoaka ireo, dia indro, nisy lehilahy moana anankiray izay demoniaka nentin' ny olona tany amin' i Jesosy. **33** Ary rehefa navoaka ny demonia, dia niteny ilay moana; ary gaga ny vahoaka ka nanao hoe: Tsy mbola nisy niseho toy izao tamin' ny Isiraely. **34** Fa ny Fariseo kosa nanao hoe: Ny lohan' ny demonia no amoahany ny demonia. **35** Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra, nampianatra tao amin' ny synagoga sy nitory ny filazantsaran' ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin' ny rofy rehetra. **36** Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry. **37** Dia hoy Izy tamin' ny mpianany: **38** Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin' izany mangataha amin' ny Tompon' ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.

10 Ary Jesosy niantso ny mpianany roa ambin' ny folo lahy hankeo aminy ka nanome azy fahefana hamoaka fanahy maloto sy hahasitrana ny aretina rehetra mbamin' ny rofy rehetra. **2** Ary izao no anaran' ny Apostoly roa ambin' ny folo lahy: Ny voalohany, Simona, izay atao hoe Petera, dia Andrea rahalahiny; Jakoba, zanak' i Zebedio, sy Jaona rahalahiny; **3** Filipo sy Bartolomeo; Tomasy sy Matio mpamory hetra; Jakoba, zanak' i Alfeo, **4** sy Tadeo; Simona Kananeana ary Jodasy Iskariota, ilay namadika Azy. **5** Ireo roa ambin' ny folo lahy ireo dia nirahin' i Jesosy ka nodidiany hoe: Aza mandeha any amin' ny lalan' ny jentilisa, ary aza miakatra amin' izay tanànan' ny Samaritana, **6** fa aleo

mankany amin' ny ondry very amin' ny taranak' isiraely. **7** Ary raha mandeha ianareo, dia mitoria hoe: Efa mby akaiky ny fanjakan' ny lanitra. **8** Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana. **9** Aza mitady volamena, na volafotsy, na varahina, ho ao anatin' ny fehin-kibonareo, **10** na kitapom-batsy ho amin' izay haleha, na akanjo roa, na kapa na tehina; fa ny mpiasa dia miendrika hahazo ny haniny. **11** Ary izay tanàna na vohitra hiakaranareo, dia fantaro tsara izay miendrika ao; ka mitoera ao aminy mandra-pialanareo. **12** Ary raha vao miditra ao amin' ny trano ianareo, dia miarahabà ny ao. **13** Koa raha miendrika ny ao an-trano, dia aoka ho ao aminy ny fiadanana tononinareo; fa raha tsy miendrika izy, dia aoka hiverina aminareo ny fiadanana voatononareo. **14** Ary izay tsy hampandroso anareo, na tsy hihaino ny teninareo, raha miala amin' izany trano na tanàna izany ianareo, dia ahintsano ny vovoka amin' ny tongotrareo. **15** Lazaiko aminareo marina tokoa fa ho moramora kokoa ny ho amin' ny tany Sodoma sy Gomora amin' ny andro fitsarana noho ny ho amin' izany tanàna izany. **16** Indro, Izaho maniraka anareo ho tahaka ny ondry ao ampovoan' ny amboadia; koa hendre tahaka ny menarana, ary morà tahaka ny voromailala. **17** Ary mitandrema ianareo noho ny amin' ny olona; fa hatolony ho amin' ny Synedriona sy hokapohiny ao amin' ny synagogany ianareo; **18** ary ho entiny eo anatrehan' ny mpanapaka sy ny mpanjaka ianareo noho ny amiko, ho vavolombelona aminy sy amin' ny jentilisa. **19** Fa raha manolotra anareo izy, dia aza manahy ny amin' izay fomba hitenenanareo, na izay holazainareo; Fa homena anareo amin izany ora izany izay holazainareo. **20** Fa tsy ianareo no miteny, fa ny Fanahin' ny Rainareo no miteny ao anatinareo. **21** Ary ny rahalahy hanolotra ny rahalahiny mba ho faty, ary ny ray hanolotra ny zanany; ary ny zanaka hitsangana hanohitra ny rainy sy ny reniny ka hahafaty azy. **22** Ary ho halan' ny olona rehetra ianareo noho ny anarako; fa izay maharitra hatramin' ny farany no hovonjena. **23** Ary raha manenjika anareo amin' ny tanàna anankiray ny olona dia mandosira ho any amin' ny hafa; fa lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy hahatapitra ny tanànan' ny Isiraely ianareo tsy akory mandra-pahatongan' ny Zanak' olona. **24** Ny mpianatra tsy mihoatra noho ny mpampianatra, na ny mpanompo noho ny tompony. **25** Fa ampy amin' ny mpianatra, raha tonga tahaka ny mpampianatra azy, ary ny mpanompo, raha tonga tahaka ny tompony. Raha ny tompon-trano no nataony hoe Belzeboba, tsy mainka va ny ankohonany? **26** Koa amin' izany aza matahotra azy ianareo; fa tsy misy afenina izay tsy haseho, na takona izay tsy ho fantatra. **27** Izay lazaiko aminareo ao amin' ny maizina, dia ambarao eo amin' ny mazava, ary izay ren' ny sofinareo, dia torio eo ambonin' ny tampon-trano. **28** Ary aza matahotra izay mamono ny tena, nefa tsy mahay mamono ny fanahy; fa aleo matahotra Izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin' ny helo. **(Geenna g1067)** **29** Tsy varidimiventy ihany va no vidin' ny tsintsina roa? nefa tsy misy na dia iray akory aza amin' ireny ho latsaka amin' ny tany, raha tsy avelan' ny Rainareo. **30** Fa na dia ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa. **31** Koa aza matahotra; fa mihoatra noho ny tsintsina maro ianareo. **32** Ary amin' izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan' ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan' ny Raiko Izay any an-danitra. **33** Fa na zovy na zovy no handà Ahy eo anatrehan' ny olona, dia holaviko kosa izy eo anatrehan' ny Raiko Izay any an-danitra. **34** Ary aza ataonareo fa tonga hitondra fiadanana ambonin' ny tany Aho; tsy tonga hitondra fiadanana Aho, fa sabatra. **35** Fa tonga Aho hampifandrafy olona amin' ny rainy, ary ny zanakavavy amin' ny reniny, ary ny vinantovavy amin' ny rafozanivavy; **36** ary ny ankohonan' ny olona ihany no fahavalony. **37** Izay tia ray na reny mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy miendrika ho Ahy, ary izay tia ny zananilahy na ny zananivavy mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy miendrika ho Ahy. **38** Ary izay tsy mitondra ny hazo fijaliany ka tsy manaraka Ahy dia tsy miendrika ho Ahy. **39** Izay mamonjy ny ainy no hamery azy; ary izay mamery ny ainy noho ny amiko dia hahazo azy. **40** Izay mandray anareo dia mandray Ahy; ary izay mandray Ahy dia mandray Izay naniraka Ahy. **41** Izay mandray mpaminany, satria mpaminany izy, dia handray ny valim-pitian' ny mpaminany; ary izay mandray olona marina, satria olona marina izy, dia handray ny valim-pitian' ny olona marina. **42** Ary na zovy na zovy no manome rano mangatsiaka na dia eran' ny kapoaka ihany aza hosotroin' ny anankiray amin' ireo madinika ireo, satria mpianatra izy, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho very ny valim-pitiany.

11 Ary rehefa vitan' i Jesosy ny nandidiany ny mpianany roa ambin' ny folo lahy, dia niala teo Izy hampianatra sy hitoriteny any an-tanànan' ny olona. **2** Ary rehefa ren' i Jaona tao an-tranomaizina ny asa nataon' i Kristy, dia naniraka ny mpianany izy **3** hanao aminy hoe: Hianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika? **4** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Mandehana ianareo, ka ambarao amin' i Jaona izao renareo sy hitanareo izao: **5** Mahiratra ny jamba, ary afaka ny mandringa; diovina ny boka, ary malady ny marenina; atsangana ny maty, ary ny malahelo dia itoriana ny filazantsara. **6** Ary sambatra izay tsy ho tafintohina noho ny amiko. **7** Ary nony lasa ireny, dia vao nilaza an' i Jaona tamin' ny vahoaka Jesosy ka nanao hoe: Hizaha inona no nivoahanareo nankany an-efitra? Volotara nohozongozonin' ny rivotra va? **8** Sa hizaha inona no nivoahanareo? Olona mitafy soa va? Indro, ny mitafy soa dia ao an-tranon' ny mpanjaka. **9** Sa hizaha inona no nivoahanareo? Mpaminany va? Eny, hoy Izaho aminareo, sady mihoatra lavitra noho ny mpaminany izy. **10** Izy no ilay voasoratra hoe: Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha Anao, Izay hamboatra ny lalanao eo alohanao. **11** Lazaiko aminareo marina tokoa: Amin' izay nateraky ny vehivavy tsy mbola nisy nitsangana izay lehibe noho Jaona Mpanao-batisa; nefa ny kely indrindra amin' ny fanjakan' ny lanitra dia lehibe noho izy. **12** Ary hatramin' ny andron' i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan' ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy

an-keriny. **13** Fa ny mpaminany rehetra sy ny lalàna dia naminany hatramin' i Jaona. **14** Ary raha mety mandray ianareo, dia izy no ilay Elia izay ho avy. **15** Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino. **16** Fa tahaka ny inona no hanoharako ity taranaka ity? Tahaka ny ankizy madinika mipetraka eny an-tsena izy, izay miantso ny namany ka manao hoe: **17** Efa nitsoka sodina taminareo izahay, nefa tsy nandihy ianareo, efa nanao feo fisaonana izahay, nefa tsy niteha-tratra ianareo. **18** Fa tonga Jaona tsy nihinana na nisotro, ka hoy ny olona: Manana demonia izy. **19** Tonga ny Zanak' olona mihinana sy misotro kosa, ka hoy ny olona: Indro, olona fatra-pitia hanina sy mpisotro divay, sakaizan' ny mpamory hetra sy ny mpanota. Fa ny fahendrena dia hamarinin ny asany. **20** Ary tamin' izany dia vao niteny mafy ny tanàna izay nanaovany ny ankamaroan' ny asany lehibe Izy, satria tsy nibebaka ireo, ka nanao hoe: **21** Lozanao, ry Korazina! Lozanao, ry Betsaida! fa raha mba tany Tyro sy Sidona no natao ny asa lehibe izay natao teo aminareo, dia ho efa nibebaka ela tamin' ny lamba fisaonana sy ny lavenona ireny. **22** Fa lazaiko aminareo fa ho moramora kokoa ny ho amin' i Tyro sy Sidona amin' ny andro fitsarana noho ny ho aminareo. **23** Ary ianao, ry Kapernaomy, hasandratra hatrany an-danitra va ianao? Hietry hatrany amin' ny fiainan-tsi-hita ianao; fa raha mba tany Sodoma no natao ny asa lehibe izay natao teo aminao, dia ho naharitra ambaraka androany izy. **(Hadēs g86)** **24** Fa lazaiko aminareo fa ho moramora kokoa ny ho amin' ny tany Sodoma amin' ny andro fitsarana noho ny ho aminao. **25** Tamin' izany andro izany dia namaly Jesosy ka nanao hoe: Midera Anao Aho, Raiko, Tompon' ny lanitra sy ny tany, fa nafeninao tamin' ny hendry sy ny manan-tsaina izany zavatra izany ka nasehonao tamin' ny zaza madinika. **26** Eny, Raiko; fa izany no sitraponao. **27** Ny zavatra rehetra natolotry ny Raiko Ahy; ary tsy misy mahalala tsara ny Zanaka, afa-tsy ny Ray; ary tsy misy mahalala tsara ny Ray, afa-tsy Zanaka sy izay tian' ny Zanaka hanehoana Azy. **28** Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. **29** Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an' ny fanahinareo ianareo. **30** Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako.

12 Tamin' izany andro izany Jesosy nandeha namaky ny tanimbary tamin' ny Sabata; ary noana ny mpianany ka nanoty salohim-bary, dia nihinana. **2** Fa nony nahita izany ny Fariseo, dia hoy izy taminy: Indro, ny mpianatrao manao izay tsy mety hatao amin' ny Sabata. **3** Ary hoy Izy taminy: Tsy mbola novakinareo va ny teny milaza ilay nataon' i Davida, raha noana izy mbamin' izay nanaraka azy, **4** Fa niditra tao amin' ny tranon' Andriamanitra izy ka nihinana ny mofo aseho, izay nahadiso raha haniny, na izay nanaraka azy, afa-tsy ny mpisorona ihany? **5** Ary tsy mbola novakinareo ao amin' ny lalàna va fa amin' ny Sabata ny mpisorona ao amin' ny tempoly manota ny Sabata, nefa tsy manan-tsiny? **6** Ary dia lazaiko aminareo fa misy eto lehibe noho ny tempoly. **7** Fa raha fantatrareo izay hevitry ny teny hoe: Famindram-po no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-drà, dia tsy mba nanameloka ny tsy manan-tsiny ianareo. **8** Fa Tompon' ny Sabata ny Zanak' olona. **9** Ary nony niala teo Jesosy, dia niditra tao amin' ny synagoga; **10** ary, indro, nisy lehilahy maty tanana teo. Ary ny olona nanontany Azy hoe: Mety va ny mahasitrana amin' ny Sabata? mba hiampangany Azy. **11** Ary hoy Izy taminy: Iza moa no olona ao aminareo, raha manana ondry anankiray, ka latsaka any an-kady amin' ny Sabata, no tsy handray azy sy hampakatra azy? **12** Ary tsy mihoatra lavitra noho ny ondry va ny olona? Koa amin' izany dia mety ny manao soa amin' ny Sabata. **13** Dia hoy Izy tamin-dralehilahy: Ahinjiro ny tananao. Dia nahinjiny ka sitrana ho tahaka ny anankiray. **14** Ary ny Fariseo dia lasa nivoaka ka niara-nisaina mba hahafaty Azy. **15** Fa Jesosy nahalala izany, ka dia niala teo. Ary nisy olona betsaka nanaraka Azy, ka dia nositraniny avokoa izy rehetra; **16** ary nandrara azy Izy tsy hanao izay hahafantarana Azy, **17** mba hahatanteraka izay nampilazaina an' Isaia mpaminany hoe: **18** Indro ny Mpanompoko, Izay nofidiko, Ny Malalako, Izay sitraky ny foko indrindra; Hapetrako ao aminy ny Fanahiko, Ary hitory ny rariny amin' ny jentilisa Izy; **19** Tsy hifanditra, na hiantso mafy Izy; Ary tsy hisy handre ny feony any an-dalana; **20** Tsy hotapahiny ny volotara torotoro, Ary tsy hovonoiny ny lahin-jiro manetona, Ambara-pamoakany ny rariny ho mpandresy; **21** Ary ny anarany no hitokian' ny jentilisa. **22** Dia nentina tany amin' i Jesosy ny lehilahy anankiray izay demoniaka, sady jamba no moana; dia nositraniny, ka dia niteny sy nahita ilay moana. **23** Dia talanjona ny vahoaka rehetra ka nanao hoe: Moa Ity va Ilay Zanak' i Davida? **24** Fa nony ren' ny Fariseo izany, dia hoy izy: Tsy misy amoahan' ilehiny ny demonia, afa-tsy Belzeboba, lohan' ny demonia. **25** Ary Jesosy nahalala ny eritreriny, dia nanao taminy hoe: Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano; ary tsy haharitra ny tanàna rehetra, na ny trano, izay miady an-trano. **26** Ary raha Satana no mamoaka an' i Satana, dia miady an-trano izy; ka ahoana no haharetan' ny fanjakany? **27** Ary raha Belzeboba no amoahako ny demonia, iza kosa no mba amoahan' ny zanakareo azy? ary noho izany dia izy ihany no ho mpitsara anareo. **28** Fa raha ny Fanahin' Andriamanitra kosa no amoahako ny demonia, dia efa tonga aminareo sahady ny fanjakan' Andriamanitra. **29** Fa hataon' ny olona ahoana no fiditra ao an-tranon' ny mahery handroba ny entany, raha tsy afatony aloha ny mahery? dia vao handroba ny ao an-tranony izy. **30** Izay tsy momba Ahy dia manohitra Ahy; ary izay tsy miara-mamory amiko dia manahaka. **31** Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Hahazo famelan-keloka ny olona amin' ny ota sy fitenenan-dratsy samy hafa rehetra; fa tsy hahazo famelan-keloka ny olona amin' ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masìna. **32** Ary na iza na iza no manao teny hanohitra ny Zanak' olona, dia hahazo famelan-keloka ihany; fa na iza na iza no miteny hanohitra ny Fanahy Masìna, dia tsy mba hahazo famelan-keloka, na amin' izao fiainana izao, na amin' ny ho avy. **(aiōn g165)** **33** Koa ataovy tsara ny hazo mbamin' ny voany, na ataovy ratsy ny hazo mbamin' ny voany; fa ny voany

no ahafantarana ny hazo. **34** Ry taranaky ny menarana! hataonareo, izay ratsy fanahy, ahoana no fahay miteny zavatra tsara? fa avy amin' ny haben' ny ao am-po no itenenan' ny vava. **35** Ny rakitra tsara no amoahan' ny olona tsara fanahy zavatra tsara; ary ny rakitra ratsy kosa no amoahan' ny olona ratsy fanahy zavatra ratsy. **36** Ary lazaiko aminareo fa hampamoahina ny olona amin' ny andro fitsarana noho ny amin' ny teny foana rehetra izay ataony. **37** Fa ny teninao no hanamarinana anao, ary ny teninao no hanamelohana anao. **38** Ary tamin' izany ny sasany tamin' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo namaly Azy ka nanao hoe: Mpampianatra ô, ta-hahita famantarana avy aminao izahay. **39** Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izay taranaka ratsy fanahy sy mijangajanga dia fatra-pitady famantarana; nefa tsy hisy famantarana homena azy, afa-tsy famantarana ny amin' i Jona mpaminany; **40** fa tahaka ny nitoeran' i Jona hateloan' andro sy hateloan' alina tao an-kibon' ny hazandrano lehibe, dia toy izany no hitoeran' ny Zanak' olona hateloan' Andro sy hateloan' alina ao anatin' ny tany. **41** Ny olona tany Ninive hiara-mitsangana amin' ity taranaka ity amin' ny andro fitsarana ka hanameloka azy; fa nibebaka izy tamin' ny nitorian' i Jona teny; nefa, indro, misy lehibe noho Jona eto. **42** Ny mpanjakavavy avy tany atsimo hiara-mitsangana amin' ity taranaka ity amin' ny andro fitsarana ka hanameloka azy; fa avy tany amin' ny faran' ny tany izy hihaino ny fahendren' i Solomona; nefa, indro, misy lehibe noho Solomona eto. **43** Raha mivoaka amin' ny olona ny fanahy maloto, dia mandeha mitety ny tany tsy misy rano izy, mitady fitsaharana, fa tsy mahita. **44** Dia hoy izy: Hody any amin' ny tranoko izay nivoahako aho; ary nony tonga izy, dia hitany fa foana ny trano sady voafafa no voavoatra. **45** Ary dia mandeha izy ka mitondra fanahy fito hafa koa miaraka aminy izay ratsy noho izy; dia miditra ireo ka mitoetra ao; ary ny faran' izany olona izany dia tonga ratsy noho ny voalohany. Ary dia tahaka izany koa no ho amin' ity taranaka ratsy fanahy ity. **46** Ary raha mbola niteny tamin' ny vahoaka Jesosy, indreo, ny reniny mbamin' ny rahalahiny nijanona teo ala-trano nitady hiteny aminy. **47** Ary nisy anankiray nanao taminy hoe: Indreo, ny reninao mbamin' ny rahalahinao mijanona ato ala-trano mitady hiteny aminao. **48** Fa namaly Izy ka nanao tamin' ilay nilaza taminy hoe: Iza moa no reniko, ary iza no rahalahiko? **49** Ary naninjitra ny tànany nanondro ny mpianany Izy ka nanao hoe: Indreo ny reniko sy ny rahalahiko; **50** Fa na iza na iza no hanao ny sitrapon' ny Raiko Izay any an-danitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko.

13 Ary tamin' izany andro izany dia nivoaka avy tao an-trano Jesosy ka nipetraka teo amoron' ny ranomasina. **2** Ary nisy vahoaka betsaka tafangona teo aminy, dia niditra teo an-tsambokely Izy ka nipetraka; ary ny vahoaka rehetra kosa dia teny amoron-dranomasina. **3** Ary nilaza zavatra maro taminy tamin' ny fanoharana Izy ka nanao hoe: Indro, nivoaka ny mpamafy mba hamafy; **4** ary raha namafy izy, ny sasany dia voafafy teny amoron-dalana; dia avy ny vorona ka nandany azy. **5** Ary ny sasany dia voafafy teny amin' ny tany marivo ambony vatolampy; dia nalaky nitrebona ireny, satria tsy nisy tany lalina. **6** Fa rehefa niposaka ny masoandro, dia nalazo ireny, ary satria tsy nanam-paka, dia maty izy. **7** Ary ny sasany dia voafafy teny amin' ny tsilo; ary ny tsilo naniry ka nangeja azy. **8** Ary ny sasany dia voafafy teny amin' ny tany tsara, dia namoa: ny sasany avy zato heny, ary ny sasany avy enim-polo heny, ary ny sasany avy telo-polo heny. **9** Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino. **10** Ary dia nanatona ny mpianany ka nanao taminy hoe: Nahoana no fanoharana no itenenanao aminy? **11** Ary namaly Izy ka nanao taminy hoe: Satria ianareo no navela hahalala ny zava-miafina ny amin' ny fanjakan' ny lanitra, fa ireny kosa tsy mba navela. **12** Fa izay manana no homena, ka hanana be dia be izy; fa izay tsy manana kosa, na izay ananany aza dia hesorina aminy. **13** Ary noho izany dia fanoharana no itenenako aminy: satria mijery izy, fa tsy mahita; ary mandre izy, fa tsy mihaino, na mahalala. **14** Dia tanteraka aminy ny faminanian' Isaia, izay manao hoe: Handre mandrakariva ihany ianareo, fa tsy hahafantatra: Ary hijery mandrakariva ihany ianareo, fa tsy hahita; **15** Fa efa adala ny fon' izao olona izao. Ary efa lalodalovana ny sofiny, Ary efa nakimpiny ny masony, Fandrao hahita ny masony, Sy handre ny sofiny, Ka hahalala ny fony, Dia hibebaka izy, Ka hahasitrana azy Aho. **16** Fa sambatra ny masonareo, fa mahita, ary ny sofinareo, fa mandre. **17** Fa lazaiko aminareo marina tokoa fa maro ny mpaminany sy ny olona marina naniry hahita izay hitanareo, nefa tsy mba nahita; ary naniry handre izay renareo, nefa tsy mba nandre. **18** Koa amin' izany dia henoinareo ny fanoharana ny amin' ny mpamafy: **19** Raha misy mandre ny tenin' ny fanjakana, fa tsy mahalala, dia avy ilay ratsy ka manaisotra izay nafafy tao am-pony. Dia izany no ilay nafafy teny amoron-dalana. **20** Fa ilay nafafy teny amin' ny tany marivo ambony vatolampy dia izay mandre ny teny ka malaky mandray azy amin' ny hafaliana; **21** nefa tsy manam-paka ao anatiny izy, fa maharitra vetivety foana; koa raha avy izay fahoriana na fanenjehana noho ny teny, dia malaky tafintohina izy. **22** Ary ilay nafafy teny amin' ny tsilo dia izay mandre ny teny ary ny fiahiahiana izao fiainana izao sy ny fitaky ny harena mangeja ny teny, ka dia tsy mamoa izy. **(aiōn g165)** **23** Fa ilay nafafy teny amin' ny tany tsara kosa dia izay mandre ny teny ka mahalala; dia izy no mamoa ka vokatra: ny sasany avy zato heny ary ny sasany avy enim-polo heny, ary ny sasany avy telo-polo heny. **24** Ary nanao fanoharana hafa koa taminy Izy ka nanao hoe: Ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny lehilahy anankiray izay namafy voa tsara tany an-tanimbariny; **25** fa raha natory ny olona, dia avy ny fahavalony ka namafy voan-tsimparifary teny amin' ny vary, dia lasa nandeha. **26** Ary rehefa naniry ny vary ka niteraka dia niposaka koa ny tsimparifary. **27** Dia avy ny mpanompon-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Tompoko, tsy voa tsara va no nafafinao tany an-tanimbarinao? koa avy taiza kosa ny tsimparifary? Dia hoy izy taminy: **28** Fahavalo no nanao izany. Ary ny mpanompony nanao taminy hoe: Koa tianao va handehananay hanongotra sy hanangona azy? **29** Fa hoy izy: Tsia, fandrao, raha manongotra ny tsimparifary ianareo, dia hongotanareo miaraka aminy koa ny vary. **30** Aoka ihany hiara-maniry izy roroa ambara-

pihavin' ny fararano; ary amin' ny fararano dia holazaiko amin' ny mpijinja hoe: Angony aloha ny tsimparifary, ka ataovy amboarany mba hodorana; fa ny vary dia taomy ho any an-tsompitro. **31** Ary nanao fanoharana hafa koa taminy Izy ka nanao hoe: Ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny voan-tsinapy izay nalain' olona ka nafafiny tany an-tsahany; **32** fa kely noho ny voa rehetra izy, kanefa rehefa maniry, dia lehibe noho ny anana ka tonga hazo, dia avy ny voromanidina ka mitoetra ao amin' ny rantsany. **33** Ary nanao fanoharana hafa koa taminy Izy hoe: Ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny masirasira, izay nalain' ny vehivavy anankiray ka nataony tao amin' ny koba intelon' ny famarana, mandrapahazon' ny masirasira azy rehetra. **34** Fanoharana no nilazan' i Jesosy izany zavatra rehetra izany tamin' ny vahoaka, ary tsy nisy nolazainy taminy, afa-tsy tamin' ny fanoharana, **35** mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany hoe: Hiloa-bava hilaza fanoharana Aho; Hanambara zavatra izay nafenina hatrizay nanorenana izao tontolo izao Aho. **36** Ary rehefa nampody ny vahoaka Jesosy, dia niditra tao an-trano Izy, ary ny mpianany nankao aminy ka nanao hoe: Lazao aminay ny hevitry ny fanoharana ny amin' ny tsimparifary tany an-tanimbary. **37** Ary namaly Izy ka nanao hoe: Ny mpamafy ny voa tsara dia ny Zanak' olona; **38** ny tanimbary dia izao tontolo izao; ny voa tsara dia ny zanaky ny fanjakana; ny tsimparifary dia ny zanak' ilay ratsy; **39** ny fahavalo izay namafy izany dia ny devoly; ny fararano dia ny fahataperan' izao tontolo izao; ary ny mpijinja dia anjely. **(aiōn g165)** **40** Koa tahaka ny anangonana ny tsimparifary sy andoroana azy amin' ny afo, dia toy izany no hatao amin' ny fahataperan' izao tontolo izao. **(aiōn g165)** **41** Ny Zanak' olona haniraka ny anjeliny, ary ireny dia hanangona ka hamoaka amin' ny fanjakany ny zavatra mahatafintohina rehetra mbamin' izay manao meloka, **42** dia hanipy azy any amin' ny fandoroana lehibe mirehitra afo izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitrohanify. **43** Ary amin' izany ny marina dia hamirapiratra tahaka ny masoandro any amin' ny fanjakan' ny Rainy. Izay manantsofina, aoka izy hihaino. **44** Ary ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny harena nafenina tany an-tsaha, izay hitan' olona, ka dia nafeniny; ary noho ny hafaliany dia lasa nandeha izy ka nivarotra ny fananany rehetra, dia nividy izany saha izany. **45** Ary koa, ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny mpandranto anankiray izay nikatsaka vato soa; **46** ary rehefa nahita vato soa iray saro-bidy izy, dia lasa nivarotra ny fananany rehetra ka nividy azy. **47** Ary koa, ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny harato-tarihina, izay nalatsaka tao amin' ny ranomasina ka nahavory ny samy hafa karazana rehetra; **48** ary rehefa feno izany, dia notarihiny ho eny an-tanety, dia nipetraka ny olona ka nifantina ny tsara hataony ao an-karona, fa ny ratsy nariany. **49** Dia tahaka izany no hatao amin' ny fahataperan' izao tontolo izao; hivoaka ny anjely ka hanavaka ny ratsy fanahy hisaraka amin' ny marina, **(aiōn g165)** **50** dia hatsipiny any amin' ny fandoroana lehibe mirehitra afo izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. **51** Efa azonareo va izany rehetra izany? Hoy ireo taminy: Eny. **52** Dia hoy Izy taminy: Koa amin' izany ary ny mpanora-dalàna rehetra izay nampianarina ho amin' ny fanjakan' ny lanitra dia samy tahaka ny tompon-trano, izay mamoaka avy amin' ny firaketany zava-baovao sy ela. **53** Ary rehefa vitan' i Jesosy ireo fanoharana ireo, dia niala teo Izy. **54** Ary nony tonga tany amin' ny taniny Izy, dia nampianatra ny olona tao amin' ny synagoga, ary talanjona ny olona ka nanao hoe: Avy taiza re no nahazoan' ilehity izany fahendrena sy asa lehibe izany? **55** Tsy Ilehity va ilay Zanaky ny mpandrafitra? Tsy Maria va no anaran' ny reniny? Ary tsy Jakoba sy Josefa sy Simona ary Jodasy va no rahalahiny? **56** Ary ny anabaviny, moa tsy eto amintsika avokoa va izy? Koa avy taiza no nahazoan' ilehity izany zavatra rehetra izany? **57** Ary tafintohina taminy izy. Fa hoy Jesosy taminy: Tsy misy mpaminany tsy hajaina, afa-tsy amin' ny taniny sy ny mpianakaviny ihany. **58** Ary tsy nanao asa lehibe maro teo Izy noho ny tsi-finoan' ireo.

14 Tamin' izany andro izany Heroda mpanapaka nandre ny lazan' i Jesosy, **2** ka hoy izy tamin' ny mpanompony: Jaona Mpanao-batisa izay; efa nitsangana tamin' ny maty izy, koa izany no ananany hery hanao izany asa lehibe izany. **3** Fa Heroda efa nisambotra an' i Jaona, dia namatotra azy ka nanao azy tao an-tranomaizina, noho ny tamin' i Herodiasy, vadin' i Filipo rahalahiny. **4** Fa Jaona efa nilaza taminy hoe: Diso ianao, raha manambady azy. **5** Ary Heroda naniry hamono azy, saingy natahotra ny vahoaka izy, satria nataon' ireo ho mpaminany Jaona. **6** Fa nony tonga ny fitsingerenan' ny taona nahaterahan' i Heroda, dia nandihy teo anatrehany ny zanakavavin' i Herodiasy ka nahafaly an' i Heroda. **7** Ary noho izany dia nianiana izy fa hanome azy izay hangatahiny na inona na inona. **8** Ary rehefa nomen-dreniny saina razazavavy, dia nanao hoe: Omeo ahy eto an-dovia ny lohan' i Jaona Mpanao-batisa. **9** Dia nalahelo ny mpanjaka; kanefa noho ny fianianany sy ny olona izay niara-nipetraka nihinana teo aminy, dia nandidy ihany izy mba homena izany. **10** Ary dia naniraka hanapaka ny lohan' i Jaona tao an-tranomaizina izy. **11** Dia nentina an-dovia ny lohany ka nomena ilay zazavavy; ary izy nitondra azy ho ao amin-dreniny. **12** Ary avy ny mpianany, dia naka ny faty ka nandevina azy; ary dia lasa izy ka nilaza tamin' i Jesosy. **13** Ary nony nandre izany Jesosy, dia niondrana an-tsambokely niala teo handeha hitokana any an-tany foana; ary raha nandre izany ny vahoaka, dia niala teny amin' ny tanàna maro izy ka nandeha an-tanety nanaraka Azy. **14** Ary nony nivoaka Jesosy, dia nahita vahoaka betsaka, ary onena azy ka nahasitrana ny mararіny. **15** Ary nony hariva ny andro, dia nanatona Azy ny mpianatra ka nanao hoe: Tany foana ity, ary efa hariva ny andro izao; ravao ny vahoaka, mba hankanesany eny amin' ny vohitra hividy hanina ho azy. **16** Fa hoy Jesosy taminy: Tsy tokony handeha izy; omeonareo hanina izy. **17** Fa hoy ny mpianany taminy: Tsy misy atỳ aminay, afa-tsy mofo dimy sy hazandrano roa. **18** Ary hoy Izy: Ento eto amiko izany. **19** Dia nasainy nipetraka teny ambonin' ny ahitra ny vahoaka, ary noraisiny ny mofo dimy sy ny hazandrano roa, dia niandrandra ny lanitra Izy ka nisaotra; ary nony efa novakiny ny mofo, dia natolony ny mpianatra, ary ny mpianatra kosa nanolotra

ho an' ny vahoaka. **20** Ary nihinana avokoa izy rehetra, ka dia voky; ary nangoniny ny sombintsombiny sisa tsy lany, ka dia nahafeno harona roa ambin' ny folo. **21** Ary izay nihinana dia tokony ho dimy arivo lahy, afa-tsy ny zaza amim-behivavy. **22** Ary niaraka tamin' izay dia nanery ny mpianatra hiondrana an-tsambokely Jesosy ka hita eo alohany ho eny am-pita mandra-pandràvany ny vahoaka. **23** Ary rehefa noravany ny vahoaka, dia niakatra tao an-tendrombohitra Izy mba hitokana hivavaka; ary nony hariva ny andro, dia nitoetra irery teo Izy. **24** Ary efa mby teo ampovoan' ny ranomasina ny sambokely tamin' izay, dia natopatopan' ny alon-drano izy, fa notohain' ny rivotra. **25** Ary tamin' ny fiambenana fahefatra amin' ny alina dia nankeny amin' ny mpianany Jesosy, nitsangantsangana teny ambonin' ny ranomasina. **26** Ary nony nahita Azy nitsangantsangana tambonin' ny ranomasina ny mpianatra, dia raiki-tahotra ka nanao hoe: Matoatoa io; dia niantso izy noho ny tahotra. **27** Ary Jesosy niteny taminy niaraka tamin' izay hoe: Matokia, fa Izaho ihany, aza matahotra. **28** Ary Petera namaly Azy ka nanao hoe: Tompoko, raha Hianao ihany, dia asaovy manatona Anao eny ambonin' ny rano aho. **29** Ary hoy Izy: Manatona. Dia nidina niala tamin' ny sambokely Petera ka nandeha tambonin' ny rano hanatona an' i Jesosy. **30** Fa raha nahita ny rivotra izy, dia natahotra, ary raha vao nilentika izy, dia niantso hoe: Tompo ô, vonjeo aho! **31** Ary naninjitra ny tànany niaraka tamin' izay Jesosy, dia nandray azy ka nanao taminy hoe: Ry kely finoana, nahoana no niahanahana ianao? **32** Ary rehefa niakatra teo an-tsambokely izy, dia nitsahatra ny rivotra. **33** Ary izay teo an-tsambokely dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Zanak' Andriamanitra tokoa Hianao. **34** Ary nony tafita izy, dia tonga teo an-tanety, any Genesareta. **35** Ary nony nahafantatra Azy ny tompon-tany teo, dia naniraka tany amin' ny tany rehetra manodidina izy ka nitondra ny marary rehetra ho eo aminy. **36** Ary nangataka taminy ireo mba hamela azy hanendry na dia ny somotraviavin-dambany ihany aza; koa na iza na iza no nanendry dia sitrana tokoa.

15 Dia nankeo amin' i Jesosy ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna sasany avy tany Jerosalema ka nanao hoe: **2** Nahoana ny mpianatrao no mandika ny fampianarana voatolotry ny razana? Fa tsy mba manasa tanana izy, raha hihinan-kanina. **3** Ary Izy namaly ka nanao taminy hoe: Nahoana kosa ianareo no mandika ny didin' Andriamanitra noho ny fampianarana voatolotra anareo? **4** Fa Andriamanitra efa nanao hoe: Manajà ny rainao sy ny reninao, ary koa: Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny dia hatao maty tokoa. **5** Fa hoy kosa ianareo: Na zovy na zovy no hilaza amin' ny rainy na ny reniny hoe: Efa fanatitra ho an' Andriamanitra izay rehetra tokony hahazoanao soa avy amiko, dia tsy mba hanaja ny rainy akory izy. **6** Koa dia foananareo ny tenin' Andriamanitra noho ny fampianarana voatolotra anareo. **7** Ry mpihatsaravelatsihy, marina ny naminanian' Isaia anareo hoe: **8** Ity firenena ity manaja Ahy amin' ny molony; Fa ny fony kosa lavitra Ahy. **9** Koa foana ny ivavahan' ireo amiko, raha mampianatra ny didin' olombelona ho fampianarana izy. **10** Ary niantso ny vahoaka hankeo aminy Izy ka nanao taminy hoe: Mihainoa ka mahafantara: **11** tsy izay miditra amin' ny vava no mahaloto ny olona; fa izay mivoaka avy amin' ny vava, izany no mahaloto ny olona. **12** Dia nankeo aminy ny mpianatra ka nanao taminy hoe: Fantatrao va fa tafintohina ny Fariseo, raha nandre izany teny izany? **13** Ary Izy namaly ka nanao hoe: Ny zavatra rehetra izay tsy nambolen' ny Raiko Izay any an-danitra dia hongotana. **14** Avelao izy; mpitarika jamba izy; ary raha ny jamba no mitarika ny jamba, dia samy ho latsaka any an-kady izy roa. **15** Ary Petera namaly ka nanao taminy hoe: Lazao aminay ny hevitr' izany fanoharana izany. **16** Ary hoy Jesosy: Hianareo koa va mbola tsy mahafantatra ihany? **17** Tsy fantatrareo va fa izay rehetra miditra amin' ny vava dia mankao an-kibo ka avoaka ao amin' ny fivoahana? **18** Fa izay mivoaka avy amin' ny vava kosa dia avy amin' ny fo, ka izany no mahaloto ny olona. **19** Fa avy amin' ny fo no ivoahan' ny sain-dratsy, dia ny vonoan' olona, ny fakam-badin' olona, ny fijangajangana, ny halatra, ny ampanga lainga, ny fitenenan-dratsy; **20** izany no mahaloto ny olona; fa ny mihinana amin' ny tanana tsy misasa tsy mba mahaloto ny olona. **21** Dia niala teo Jesosy ka nankany amin' ny fari-tanin' i Tyro sy Sidona. **22** Ary, indro, nisy vehivavy Kananita anankiray nivoaka avy tamin' izany tany izany ka niantso nanao hoe: Mamindrà fo amiko, Tompoko, Zanak' i Davida ô! ny zanako-vavy ampahorin' ny demonia loatra. **23** Fa Izy tsy namaly teny azy. Dia nanatona ny mpianany ka nangataka taminy nanao hoe: Roahy izy, fa miantso mafy ato aoriantsika. **24** Ary Izy namaly ka nanao hoe: Tsy nirahina Aho afa-tsy ho amin' ny ondry very amin' ny taranak' isiraely. **25** Fa nanatona ihany ravehivavy, dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Tompoko ô, vonjeo aho. **26** Fa Izy namaly ka nanao hoe: Tsy mety raha maka ny mofon-jaza ka manipy azy ho an' ny amboakely. **27** Fa hoy ravehivavy: Marina izany, Tompoko; fa na dia ny amboakely aza mba mihinana izay sombintsombiny latsaka avy amin' ny latabatry ny tompony ihany. **28** Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Ravehivavy, lehibe ny finoanao; tongava aminao araka izay irinao. Dia sitrana ny zananivavy tamin' izay ora izay. **29** Ary raha niala teo Jesosy, dia nankany amoron' ny Ranomasin' i Galilia Izy; ary niakatra nankeo an-tendrombohitra Izy ka nipetraka teo; **30** ary nisy vahoaka betsaka nankeo aminy nitondra ny mandringa, ny jamba, ny moana, ny kilemaina, ary ny maro hafa koa, ka nametraka azy teo akaikin' ny tongotr' i Jesosy; dia nahasitrana azy Izy; **31** ka dia talanjona ny vahoaka, raha nahita ny moana miteny, ny kilemaina sitrana, ny mandringa afaka, ary ny jamba mahiratra; dia nankalaza an' Andriamanitry ny Isiraely izy. **32** Ary Jesosy niantso ny mpianany hankeo aminy ka nanao hoe: Mahonena Ahy ny vahoaka, fa efa nitoetra hateloana tatỳ amiko izy izao ka tsy manan-kohanina; ary tsy tiako ny hampody azy tsy mihinana, fandrao reraka eny an-dalana izy. **33** Fa hoy ny mpianatra taminy: Aiza no hahitanay mofo atỳ an-efitra ampy hahavoky izao vahoaka betsaka izao! **34** Ary hoy Jesosy taminy: Misy mofo firy any aminareo? Ary hoy izy: Fito sy hazandrano madinika vitsy foana. **35** Ary

Izy nandidy ny vahoaka betsaka hipetraka amin' ny tany. **36** Dia nandray ny mofo fito mbamin' ny hazandrano Izy, ary rehefa nisaotra, dia namaky ka nanolotra azy ho an' ny mpianatra, ary ny mpianatra kosa nanolotra ho an' ny vahoaka. **37** Ary nihinana avokoa izy rehetra, ka dia voky; ary nangoniny ny sombintsombiny sisa tsy lany, ka dia nahafeno sobiky fito. **38** Ary izay nihinana dia efatra arivo lahy, afa-tsy ny zaza amim-behivavy. **39** Ary nony efa nampody ny vahoaka Izy, dia niondrana an-tsambokely ka nankany amin' ny sisin-tanin' i Magadana.

16 Ary ny Fariseo sy ny Sadoseo nankeo aminy, dia naka fanahy Azy ka nangataka Azy haneho famantarana aminy avy any an-danitra. **2** Ary Izy namaly ka nanao taminy hoe: Nony hariva, dia hoy ianareo: Ho tsara ny andro, fa mena ny lanitra. **3** Ary nony maraina, dia hoy ianareo: Ho ratsy ny andro, fa mena sy manjombona ny lanitra. Fantatrareo ny hamantatra ny tarehin' ny lanitra, fa ny famantarana ny fotoana dia tsy hainareo. **4** Izay taranaka ratsy fanahy sy mijangajanga dia fatra-pitady famantarana; nefa tsy misy famantarana homena azy, afa-tsy ny famantarana ny amin' i Jona ihany. Ary nandao azy Jesosy ka lasa. **5** Ary rehefa tonga teny am-pita ny mpianatra, dia nanadino hitondra mofo izy. **6** Ary hoy Jesosy taminy: Mihevera, ka mitandrema ianareo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo sy ny Sadoseo. **7** Dia niara-nisaina izy ka nanao hoe: Ny tsy nitondrantsika mofo angaha izany. **8** Ary Jesosy nahalala izany, dia nanao hoe: Nahoana ianareo, ry kely finoana, no miara-misaina satria tsy manana mofo? **9** Tsy mbola mahafantatra va ianareo, ary tsy tsaroanareo va ny mofo dimy ho an' ny dimy arivo, ka firy harona moa no nangoninareo? **10** na ny mofo fito ho an' ny efatra arivo, ka firy sobiky moa no nangoninareo? **11** Ahoana no tsy ahafantaranareo fa tsy ny amin' ny mofo no nolazaiko taminareo? Fa tandremo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo sy ny Sadoseo. **12** Dia fantany fa tsy nasainy hitandrina izy, fandrao azo' ny masirasira fanaovana mofo, fa andrao azon' ny fampianaran' ny Fariseo sy ny Sadoseo. **13** Ary rehefa tonga tany amin' ny faritanin' i Kaisaria-filipo Jesosy, dia nanontany ny mpianany Izy ka nanao hoe: Ataon' ny olona ho iza moa ny Zanak' olona? **14** Dia hoy ireo: Hoy ny sasany: Jaona Mpanao-batisa; ary hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Jeremia, na anankiray amin' ny mpaminany. **15** Ary hoy Jesosy taminy: Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza? **16** Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona. **17** Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra. **18** Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin' ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy. **(Hadēs g86)** **19** Homeko anao ny fanalahidin' ny fanjakan' ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao eto ambonin' ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao etỳ ambonin' ny tany dia hovahana any an-danitra. **20** Ary tamin' izany dia nandrara ny mpianatra Izy mba tsy hilaza amin' olona akory fa Izy no Kristy. **21** Hatramin' izany no vao natoron' i Jesosy ny mpianany fa tsy maintsy hankany Jerosalema Izy ka hampijalin' ny loholona sy ny lohan' ny mpisorona ary ny mpanora-dalàna, dia hovonoina, ary hatsangana amin' ny andro fahatelo. **22** Ary Petera nanohina Azy hitanila kely ka niteny mafy Azy hoe: Sanatria aminao izany, Tompoko! Tsy ho aminao tokoa izany! **23** Fa Izy nihodina ka niteny tamin' i Petera hoe: Mankanesa ato ivohoko, ry Satana; fahatafintohinana amiko ianao, satria tsy misaina izay an' Andriamanitra ianao, fa izay an' ny olona. **24** Dia hoy Jesosy tamin' ny mpianany: Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. **25** Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany. **26** Fa inona moa no soa ho azon' ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy? Ary inona no homen' ny olona ho takalon' ny ainy? **27** Fa ho avy ny Zanak' olona amin' ny voninahitry ny Rainy, mbamin' ny anjeliny, dia hamaly ny olona rehetra araka ny nataony. **28** Lazaiko aminareo marina tokoa: Misy ny sasany eto izay tsy mba hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny Zanak' olona avy amin' ny fanjakany.

17 Ary nony afaka henemana, Jesosy dia naka an' i Petera sy Jakoba ary Jaona rahalahiny ka nitondra azy niakatra ho any an-tendrombohitra avo mba hitokana. **2** Dia niova tarehy teo anatrehany Izy, ka ny tavany namirapiratra tahaka ny masoandro, ary ny fitafiany tonga fotsy tahaka ny mazava. **3** Ary, indreo, niseho tamin' ny mpianatra Mosesy sy Elia, niresaka tamin' i Jesosy. **4** Dia niteny Petera ka nanao tamin' i Jesosy hoe: Tompoko, tsara raha mitoetra eto isika; koa raha sitrakao, aoka aho hanao lay telo eto: ny anankiray ho Anao, ny anankiray ho an' i Mosesy, ary ny anankiray ho an' i Elia. **5** Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary, injao, nisy feo avy tao amin' ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako; Izy no henoy. **6** Ary nony nandre izany ny mpianatra, dia lavo niankohoka sady natahotra indrindra. **7** Ary Jesosy nankeo aminy, dia nanendry azy ka nanao hoe; Mitsangàna, fa aza matahotra. **8** Ary nony niandrandra izy ireo, dia tsy nahita olona, afa-tsy Jesosy irery ihany. **9** Ary rehefa nidina avy tao an-tendrombohitra izy, dia nandrara azy Jesosy ka nanao hoe: Aza milaza amin' olona ny fahitana, mandra-pitsangan' ny Zanak' olona amin' ny maty. **10** Ary ny mpianany nanontany Azy ka nanao hoe: Nahoana ary no ilazan' ny mpanora-dalàna fa Elia tsy maintsy ho avy aloha? **11** Ary Jesosy namaly ka nanao hoe: Elia dia avy ihany ka hampody ny zavatra rehetra. **12** Nefa lazaiko aminareo: Efa tonga sahady Elia; nefa ny olona tsy nahafantatra azy, fa nanao izay sitraky ny fony taminy. Dia tahaka izany koa no hampiaretany ny Zanak' olona. **13** Dia fantatry ny mpianatra fa Jaona Mpanao-batisa no nolazainy taminy. **14** Ary rehefa tonga teo amin' ny vahoaka izy ireo, nisy lehilahy anankiray nanatona an' i Jesosy, dia nandohalika teo anatrehany ka nanao

hoe: **15** Tompoko, mamindrà fo amin' ny zanako-lahy, fa mararin' ny androbe izy ka mahantra tokoa; fa matetika izy no mianjera ao amin' ny afo, ary matetika ao amin' ny rano. **16** Ary nitondra azy tamin' ny mpianatrao aho, fa tsy nahay nahasitrana azy izy. **17** Ary Jesosy namaly ka nanao hoe: Ry taranaka tsy mino sady efa nivadika, mandra-pahoviana no hitoerako aminareo? Mandra-pahoviana no handeferako aminareo? Ento atỳ amiko izy. **18** Ary niteny mafy azy Jesosy, dia nivoaka taminy ny demonia, ka sitrana ilay zazalahy tamin' izay ora izay. **19** Dia nankao amin' i Jesosy mangingina ny mpianatra ka nanao hoe: Nahoana izahay no tsy nahavoaka azy? **20** Ary hoy Jesosy taminy: Noho ny fahakelezan' ny finoanareo ihany; fa lazaiko aminareo marina tokoa: Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinapy iray aza ianareo ka hiteny amin' io tendrombohitra io hoe: Mifindrà erỳ, dia hifindra izy; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao. **22** Ary raha nitoetra tany Galilia izy, Jesosy dia nilaza tamin' ny mpianany hoe: Ny Zanak' olona efa hatolotra ho eo an-tànan' ny olona **23** ka hovonoiny, nefa amin' ny andro fahatelo dia hatsangana indray Izy. Ary dia nalahelo indrindra ireo. **24** Ary nony tonga tao Kapernaomy izy, dia nankeo amin' i Petera ny mpandray ny antsasaky ny sekely ka nanao hoe: Moa ny mpampianatra anareo tsy mba mandoa ny antsasaky ny sekely va? **25** Dia hoy Petera: Mandoa ihany Izy. Ary raha vao tafiditra tao antrano Petera, dia nosakanan' i Jesosy teny izy ka nataony hoe: Ahoana no hevitrao, ry Simona? Avy amin' iza moa no andraisan' ny mpanjaka etỳ an-tany fadin-tseranana sy vola hetra? Avy amin' ny zanany va, sa avy amin' ny olon-kafa? **26** Ary nony hoy Petera taminy: Avy amin' ny olon-kafa, dia hoy kosa Jesosy: Dia afaka ary ny zanaka. **27** Nefa andrao isika manafintohina azy, dia mankanesa ao amin' ny ranomasina ianao, ka manjonoa; ary raiso izay hazandrano azo voalohany, ka rehefa sokafanao ny vavany, dia hahita vola sekely eo ianao; dia raiso izany, ka omeo azy ho avy amiko sy ianao.

18 Tamin' izany ora izany dia nankeo amin' i Jesosy ny mpianatra ka nanao hoe: Iza moa no lehibe indrindra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra? **2** Ary Jesosy niantso zazakely anankiray hankeo aminy, dia nametraka azy teo afovoany **3** ka nanao hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Raha tsy miova ianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra mihitsy ianareo. **4** Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin' ny fanjakan' ny lanitra. **5** Ary na zovy na zovy no handray zazakely anankiray aza tahaka itony noho ny anarako, dia mandray Ahy. **6** Fa na zovy na zovy no hanafintohina na dia iray aza amin' ireny madinika mino Ahy ireny, dia tsara lavitra ho azy raha anantonana vato lehibe fikosoham-bary ny vozony, ka alentika any amin' ny ranomasina lalina izy. **7** Lozan' izao tontolo izao noho ny fahatafintohinana! fa tsy maintsy ho avy ny fahatafintohinana, nefa lozan' izay olona mahatonga ny fahatafintohinana. **8** Koa raha ny tananao na ny tongotrao no manafintohina anao, tapaho izy ka ario ho afaka aminao; fa tsara ho anao ny hiditra kilemaina na mandringa any amin' ny fiainana noho ny manana tanana roa sy tongotra roa, nefa hariana any amin' ny afo maharitra mandrakizay. **(aiōnios g166)** **9** Ary raha ny masonao no manafintohina anao, esory hiala izy, ka ario ho afaka aminao; fa tsara ho anao ny hiditra tokamaso amin' ny fiainana noho ny manana maso roa, nefa hariana any amin' ny helo mirehitra afo. **(Geenna g1067)** **10** Mitandrema, fandrao manao tsinontsinona na dia ny iray aza amin' ireny madinika ireny ianareo; fa lazaiko aminareo: Ny anjeliny any an-danitra mahita mandrakariva ny tavan' ny Raiko Izay any an-danitra. **11** (Fa tonga ny Zanak' olona hamonjy ny very.) **12** Ahoana no hevitrareo? Raha misy olona manana ondry zato, ka mania ny anankiray moa tsy hamela ny sivy amby sivi-folo eny an-tendrombohitra va izy ka handeha hitady ilay nania? **13** Ary raha tàhiny hitany izy, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa mahafaly azy iny noho ny sivy amby sivifolo izay tsy nania. **14** Ary tahaka izany, dia tsy sitraky ny Rainareo Izay any an-danitra, raha ho very na dia iray aza amin' ireny madinika ireny. **15** Ary raha manota aminao ny rahalahinao, dia mankanesa any aminy, ka rehefa mitokana ianareo roa lahy, dia asehoy azy ny fahadisoany. Raha mihaino anao izy, dia efa azonao ny rahalahinao; **16** fa raha tsy mihaino anao kosa izy, dia ento miaraka aminao ny olona iray na roa, mba ho voaorina mafy avokoa ny teny rehetra amin' ny tenin' ny vavolombelona roa na telo. **17** Ary raha tsy mety mihaino ireo izy, dia ambarao amin' ny fiangonana; ary raha tsy mety mihaino ny fiangonana koa izy, dia aoka hataonao ho tahaka ny jentilisa sy ny mpamory hetra izy. **18** Lazaiko aminareo marina tokoa: Na inona na inona fehezinareo etỳ ambonin' ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanareo etỳ ambonin' ny tany dia hovahana any an-danitra. **19** Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin' ny tany na amin' inona na amin' inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin' ny Raiko Izay any an-danitra izany. **20** Fa na aiza na aiza no iangonan' ny roa na telo amin' ny anarako, dia ao afovoany Aho. **21** Dia nanatona Petera ka nanao taminy hoe: Tompoko, impiry moa no hanotan' ny rahalahiko amiko, ka havelako izy? Hatramin' ny impito va? **22** Fa hoy Jesosy taminy: Tsy lazaiko aminao hoe: Hatramin' ny impito, fa hatramin' ny impito amby fito-polo. **23** Koa amin' izany ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny mpanjaka anankiray, izay te-hidinika amin' ny mpanompony ny amin' ny volany. **24** Ary raha vao nidinika izy, dia nisy anankiray nentina teo aminy, izay nitrosa talenta iray alina. **25** Ary satria tsy nanan-kaloa izy, dia nasain' ny tompony hamidy izy sy ny vadiny aman-janany mbamin' ny fananany rehetra handoavana ny trosa. **26** Dia niankohoka teo anatrehany ilay mpanompo ka nanao hoe: Tompoko, omeo andro aho, fa haloako ny anao rehetra. **27** Ary ny tompon' izany mpanompo izany dia onena azy ka nandefa azy sady namoy ny trosa taminy. **28** Nefa nony nivoaka izany mpanompo izany, dia nahita mpanompo namany anankiray, izay nitrosa denaria zato taminy; dia nosamboriny izy ka notraohiny sady nataony hoe: Aloavy izay trosako aminao. **29** Fa niankohoka ilay mpanompo

namany ka nifona taminy nanao hoe: Omeo andro aho, fa haloako ny anao. **30** Nefa tsy nety izy, fa lasa nampanao azy tao an-tranomaizina mandra-pandoany ny trosa. **31** Ary nony hitan' ireo mpanompo namany izay efa natao, dia nalahelo indrindra izy ka nandeha nanambara tsara tamin' ny tompony izany rehetra natao izany. **32** Dia nampanalain' ny tompony ralehilahy ka noteneniny hoe: Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafoiko ilay trosa rehetra taminao, satria nifona tamiko ianao; **33** moa tsy tokony mba ho namindra fo tamin' ny mpanompo namanao koa va ianao tahaka ny namindrako fo taminao? **34** Dia tezitra ny tompony ka nanolotra azy ho amin' ny mpampijaly mandra-pandoany ny trosa rehetra. **35** Ary tahaka izany koa no hataon' ny Raiko Izay any an-danitra aminareo, raha tsy samy mamela ny rahalahinareo amin' ny fonareo avy ianareo.

19 Ary rehefa vitan' i Jesosy izany teny izany, dia niala tany Galilia Izy ka nihazo ny lalana teny an-dafin' i Jordana, dia tonga tany amin' ny sisin' i Jodia. **2** Ary nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy, dia nahasitrana azy teo Izy. **3** Ary nisy Fariseo nanatona Azy, dia naka fanahy Azy hoe: Mahazo misaotra ny vadiny va ny lehilahy noho izay rehetra entiny iampangany azy na inona na inona? **4** Ary Izy namaly ka nanao hoe: Tsy mbola novakinareo va ny teny, fa Izay nahary azy tamin' ny voalohany dia nahary azy ho lahy sy vavy, ka dia nanao hoe: **5** Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin' ny vadiny; ary dia ho nofo iray ihany izy roroa? **6** ka dia tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Koa amin' izany, izay nampiraisin' Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin' olona. **7** Hoy ireo taminy: Nahoana ary Mosesy no nandidy hanome taratasy fisaoram-bady sy hisaotra azy? **8** Ary hoy Jesosy taminy: Ny hamafin' ny fonareo no namelan' i Mosesy anareo hisao-bady; fa tamin' ny voalohany dia tsy mba toy izany. **9** Fa lazaiko aminareo: Na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, afa-tsy noho ny fijangajangana ihany, ka mampakatra ny hafa, dia mijangajanga; ary izay mampakatra ny voasaotra dia mijangajanga koa. **10** Dia hoy ny mpianatra taminy: Raha izany no toetry ny lehilahy amin' ny vadiny, dia aleo tsy manambady. **11** Fa hoy Izy taminy: Tsy ny olona rehetra no mahay mandray izany teny izany, fa izay nomena ihany; **12** fa misy ionoka, izay teraka ionoka hatrany an-kibon-dreniny; ary misy ionoka, izay nataon' ny olona ionoka; ary misy ionoka, izay nanao ny tenany ionoka noho ny fanjakan' ny lanitra. Aoka handray izany izay mahay mandray. **13** Ary tamin' izany dia nisy zazakely nentina teo amin' i Jesosy mba hametrahany ny tànany sy hivavahany ho azy; fa ny mpianany niteny mafy ireny. **14** Nefa Jesosy kosa nanao hoe: Avelao ny zaza, ary aza raràna tsy hanatona Ahy; fa an' ny toa azy ny fanjakan' ny lanitra. **15** Ary nony nametraka ny tànany taminy Izy, dia niala teo. **16** Ary, indro, nisy anankiray nanatona Azy ka nanao hoe: Mpampianatra ô, inona no tsara hataoko hahazoako fiainana mandrakizay? **(aiōnios g166)** **17** Fa hoy Jesosy taminy: Nahoana Aho no anontanianao ny amin' izay tsara? Iray no tsara; fa raha te-hiditra any amin' ny fiainana ianao, tandremo ny didy. **18** Hoy ralehilahy taminy: Inona avy moa? Dia hoy Jesosy: Ny hoe: Aza mamono olona, Aza mijangajanga, Aza mangalatra, Aza mety ho vavolombelona mandainga, **19** Manajà ny rainao sy ny reninao, ary: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao. **20** Hoy ilay zatovo taminy: Izany rehetra izany efa voatandriko avokoa; fa inona no tsy mbola mahatanteraka ahy? **21** Dia hoy Jesosy taminy: Raha tia ho tanteraka ianao, mandehana, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia hanaraka Ahy. **22** Fa nony nandre izany teny izany ilay zatovo, dia niala tamin' alahelo izy, satria nanana fananana be. **23** Dia hoy Jesosy tamin' ny mpianany: Lazaiko aminareo marina tokoa fa sarotra ny hidiran' ny manan-karena amin' ny fanjakan' ny lanitra. **24** Ary hoy Izaho aminareo indray: Ho moramora kokoa ny hidiran' ny rameva amin' ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran' ny manan-karena amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **25** Ary nony nandre izany ny mpianatra, dia talanjona indrindra ka nanao hoe: Iza indray no azo hovonjena? **26** Ary Jesosy nijery azy ka nanao taminy hoe: Tsy hain' ny olona izany, fa hain' Andriamanitra ny zavatra rehetra. **27** Dia namaly Petera ka nanao taminy hoe: Indro, izahay efa nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka Anao; koa inona ary no ho azonay? **28** Fa hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa rehefa mby amin' ny fanavaozana, ka hipetraka amin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny ny Zanak' olona, ianareo koa, izay nanaraka Ahy, dia hipetraka amin' ny seza fiandrianana roa ambin' ny folo ka hitsara ny firenen' isiraely roa ambin' ny folo. **29** Ary izay rehetra efa nahafoy trano, na rahalahy, na anabavy, na ray, na reny, na zanaka, na tany, noho ny anarako, dia handray zato heny ka handova fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **30** Nefa maro izay voalohany no ho farany, ary izay farany no ho voalohany.

20 Fa ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny lehilahy tompon-trano, izay nivoaka maraina koa hanakarama mpiasa ho any an-tanim-boalobony. **2** Ary rehefa nifanekeny tamin' ny mpiasa fa ho denaria isan' andro ny karamany, dia nasainy nankany amin' ny tanim-boalobony ireny. **3** Ary nivoaka tamin' ny ora fahatelo izy, dia nahita ny sasany nitoetra foana tany an-tsena, **4** ka hoy izy taminy: Mandehana koa ianareo hankany amin' ny tanim-boaloboka, fa izay an-keviny marina dia homeko anareo. Ka dia lasa ireny. **5** Ary nivoaka tamin' ny ora fahenina sy fahasivy indray izy ka nanao toy izany koa. **6** Ary rehefa tokony ho tamin' ny ora fahiraika ambin' ny folo dia nivoaka izy ka nahita ny sasany mitoetra eo, dia hoy izy taminy: Nahoana ianareo no mitoetra foana eto mandritra ny andro? **7** Hoy izy taminy: Satria tsy nisy olona nanakarama anay. Dia hoy ralehilahy taminy: Mandehana koa ianareo mankany amin' ny tanim-boaloboka. **8** Ary rehefa hariva ny andro, dia hoy ny tompon' ny tanim-boaloboka tamin' ny mpitandrina ny raharahany: Antsoy ny mpiasa, ka aloavy ny karamany: atombohy amin' ireo taoriana ka vao hatramin' ireo voalohany. **9** Ary rehefa tonga ireo nokaramaina tamin' ny ora fahiraika ambin' ny folo, dia nahazo denaria misesy avy izy. **10** Fa rehefa tonga ireo voalohany, dia

nanantena hahazo mihoatra izy; kanjo samy denaria misesy avy ihany no azony. **11** Ary rehefa nahazo izany izy, dia nimonomonona tamin' ny tompon-trano ka nanao hoe: **12** Ireo olona farany ireo dia niasa ora iray monja, kanefa nataonao mitovy aminay, izay niaritra ny fahatrotrahana sy ny hainandro. **13** Fa izy namaly ka nanao tamin' ny anankiray amin' ireny hoe: Ry sakaiza, tsy mba manao izay tsy marina aminao aho; tsy efa denaria va no nifanekenao tamiko? **14** Raiso ny anao, ka mandehana; fa ilay farany dia tiako homena toraka ny anao koa. **15** Tsy mahazo manao izay tiako amin' ny ahy va aho? Ratsy va ny masonao, satria tsara aho? **16** Dia toy izany, ny farany ho voalohany, ary ny voalohany ho farany. **17** Ary Jesosy, nony niakatra ho any Jerosalema, dia naka mangingina ny mpianatra roa ambin' ny folo lahy ka niteny taminy teny an-dalana hoe: **18** Indro, miakatra ho any Jerosalema isika; ary ny Zanak' olona hatolotra ho amin' ireo lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, dia hohelohiny ho faty Izy **19** ka hatolony amin' ny jentilisa mba hataony ho fihomehezana sy hokapohiny sy hohomboany amin' ny hazo fijaliana; ary amin' ny andro fahatelo dia hatsangana indray Izy. **20** Ary tamin' izany dia nanatona an' i Jesosy ny renin' ny zanak' i Zebedio mbamin' ny zananilahy, dia niankohoka ka nangataka zavatra taminy. **21** Ary hoy Izy taminy: Inona no irinao? Dia hoy ravehivavy taminy: Mandidia mba hipetrahan' ireto zanako roa lahy ireto, ny anankiray ho eo amin' ny ankavananao, ary ny anankiray ho eo amin' ny ankavianao, ao amin' ny fanjakanao. **22** Fa Jesosy namaly ka nanao hoe: Tsy fantatrareo izay angatahinareo; hainareo va ny misotro amin' ny kapoaka izay efa hisotroako? Hoy izy roa lahy taminy: Hainay ihany. **23** Hoy kosa Izy taminy: Hisotro amin' ny kapoakako tokoa ianareo; fa ny hipetraka eo an-tanako ankavanana sy eo an-tanako ankavia, dia tsy Ahy ny hanome izany; fa izay nanamboaran' ny Raiko izany no homena. **24** Ary nony nandre izany izy folo lahy, dia tezitra noho ny nataon' izy mirahalahy. **25** Fa Jesosy niantso azy hankeo aminy ka nanao hoe: Fantatrareo fa ny andrianan' ny jentilisa mampanompo azy tokoa, ary ny lehibeny manapaka azy fatratra. **26** Fa tsy mba ho toy izany aminareo; fa izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo; **27** ary izay te-ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo. **28** Fa tahaka izany, ny Zanak' olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro. **29** Ary raha niala tao Jeriko izy, dia nisy vahoaka betsaka nanaraka an' i Jesosy. **30** Ary, indreo, nisy jamba roa lahy nipetraka teo amoron-dalana, ary nony reny fa Jesosy no mandalo, dia niantso izy ka nanao hoe: Mamindrà fo aminay, ry Tompo, Zanak' i Davida ô! **31** Ary ny vahoaka niteny mafy azy mba hangina; fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe: Mamindrà fo aminay, ry Tompo, Zanak' i Davida ô! **32** Ary Jesosy nijanona, dia niantso azy ka nanao hoe: Inona no tianareo hataoko aminareo? **33** Hoy izy taminy: Tompoko ô, ny mba hampahiratina ny masonay. **34** Ary Jesosy dia onena azy ka nanendry ny masony; ary nahiratra niaraka tamin' izay izy, dia nanaraka an' i Jesosy.

21 Ary raha nanakaiky an' i Jerosalema izy ka tonga tao Betifaga any an-tendrombohitra Oliva, dia naniraka mpianatra roa lahy Jesosy ka nanao taminy hoe: **2** Mankanesa amin' iroa vohitra tandrifinareo iroa, ary miaraka amin' izay dia hahita boriky mifatotra sy ny zanany eo aminy ianareo; vahao izy, dia ento etỳ amiko. **3** Ary raha misy miteny anareo, dia lazao hoe: Misy raharaha analan' ny Tompo azy; ary dia havelany ho entina miaraka amin' izay izy. **4** Izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany hoe: **5** Lazao amin' i Ziona zanakavavy; Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao, Malemy fanahy sady mitaingina boriky, Dia zanaky ny boriky miasa. **6** Ary dia nandeha ny mpianatra ka nanao araka izay nandidian' i Jesosy azy, **7** dia nentiny ny boriky sy ny zanany ary nataony teo amboniny ny lambany, ary Jesosy dia nitaingina azy. **8** Ary ny ankabiazan' ny vahoaka dia namelatra ny lambany teny an-dalana; ary ny sasany nanapaka rantsan-kazo, dia nahahany teny an-dalana koa izany. **9** Ary ny vahoaka izay nialoha Azy sy izay nanaraka dia niantso hoe: Hosana ho an' ny Zanak' i Davida! Isaorana anie Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah! Hosana any amin' ny avo indrindra. **10** Ary nony efa tafiditra tany Jerosalema Izy, dia nihorakoraka ny tanàna rehetra ka nanao hoe: Iza moa izao? **11** Ary ny vahoaka nilaza hoe: Izao no Jesosy mpaminany Izay avy any Nazareta any Galilia. **12** Ary Jesosy niditra teo an-kianjan' ny tempolin' Andriamanitra, dia nandroaka izay rehetra nivarotra sy nividy teo an-kianjan' ny tempoly ka nanjera ny latabatry ny mpanakalo vola sy ny fipetrahan' ny mpivarotra ny voromailala; **13** dia hoy Izy taminy: Efa voasoratra hoe: Ny tranoko hatao hoe trano fivavahana; fa ianareo kosa manao azy ho zohy fieren' ny jiolahy. **14** Ary nisy jamba sy mandringa nanatona Azy teo an-kianjan' ny tempoly, dia nahasitrana azy Izy. **15** Fa nony hitan' ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna ny zavatra mahagaga izay nataony sy ny ankizy madinika miantso eo an-kianjan' ny tempoly ka manao hoe: Hosana ho an' ny Zanak' i Davida! — dia tezitra izy **16** ka nanao taminy hoe: Renao va izay lazain' ireo? Dia hoy Jesosy taminy: Eny; tsy mbola novakinareo va ny teny manao hoe: Avy amin' ny vavan' ny ankizy madinika sy ny zaza minono no nanamboaranao fiderana? **17** Dia nandao azy Izy ka niala tao an-tanàna hankany Betania; ary dia nitoetra tao mandritra ny alina Izy. **18** Ary nony niverina maraina hankany an-tanàna Izy, dia noana. **19** Ary nahita hazo aviavy anankiray teo amoron-dalana Izy, dia nankeo aminy, kanjo tsy nahita na inona na inona teo aminy, afa-tsy ravina ihany; dia hoy Izy taminy: Aza misy voa avy aminao intsony mandrakizay. Dia maina vetivety foana ilay hazo aviavy. **(aiōn g165)** **20** Ary nony hitan' ny mpianatra izany, dia gaga izy ka nanao hoe: Nanao ahoana re no dia nahamaina vetivety io aviavy io? **21** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Raha manam-pinoana ianareo ka tsy miahanahana, dia tsy izao natao tamin' ny aviavy izao ihany no ho vitanareo, fa raha hiteny amin' ity tendrombohitra ity aza ianareo ka hanao hoe: Mifindrà ianao, ka mianjerà any an-dranomasina, dia ho tonga izany. **22** Ary na inona na

inona no angatahinareo amin' ny fivavahana atao amin' ny finoana dia ho azonareo. **23** Ary rehefa tafiditra teo ankianjan' ny tempoly Jesosy ka nampianatra, dia nanatona Azy ny lohan' ny mpisorona sy ny loholona ka nanao hoe: Fahefana manao ahoana no anaovanao izao? Ary iza no nanome Anao izao fahefana izao? **24** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izaho kosa hanontany anareo zavatra iray loha, ary raha hovalianareo izany, Izaho kosa dia hilaza aminareo izay fahefana anaovako izany: **25** Ny batisan' i Jaona, avy taiza moa izany? Avy tany an-danitra va, sa avy tamin' ny olona? Ary izy ireo niara-nisaina ka nanao hoe: Raha holazaintsika hoe mantsy: Avy tany an-danitra, dia hovaliany hoe isika: Ka nahoana no tsy nino azy ianareo? **26** Ary raha holazaintsika hoe kosa: Avy tamin' ny olona, dia matahotra ny vahoaka isika, satria ataon' izy rehetra ho mpaminany Jaona. **27** Dia namaly an' i Jesosy izy ka nanao hoe: Tsy fantatray. Dia hoy Jesosy taminy: Izaho kosa tsy hilaza aminareo izay fahefana anaovako izany. **28** Fa ahoana kosa no hevitrareo? Nisy lehilahy nanana zanaka roa lahy; dia nankeo amin' ny lahimatoa izy ka nanao hoe: Anaka, andeha miasa any amin' ny tanim-boaloboko anio. **29** Fa namaly izy ka nanao hoe: Tsy handeha aho; nefa nony afaka izany, dia nanenina izy ka nandeha ihany. **30** Dia nankeo amin' ny faralahy izy ka niteny toy izany koa. Ary izy namaly ka nanao hoe: Handeha aho, tompoko; kanjo tsy nandeha izy. **31** Ka iza moa amin' izy mirahalahy no nanao ny sitrapon' ny rainy? Hoy izy: Ny lahimatoa. Dia hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga efa mialoha anareo ho amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **32** Fa Jaona nankany aminareo tamin' ny lalan' ny fahamarinana, nefa tsy nino azy ianareo; fa ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga no nino azy; fa ianareo kosa, na dia efa nahita izany aza, dia mbola tsy nanenina mba hinoanareo azy. **33** Mihainoa fanoharana hafa koa: Nisy lehilahy tompon-trano nanao tanim-boaloboka, dia namefy azy manodidina dia nihady famiazana teo anatiny, dia nanao tilikambo, ary dia nahofany tamin' olona mpiasa tany izany, ka nandeha ho any amin' ny tany hafa izy. **34** Ary rehefa mby akaiky ny taom-pahavokarana, dia naniraka ny mpanompony izy hankany amin' ny mpiasa tany handray ny vokatra. **35** Fa ny mpiasa tany nisambotra ny mpanompony, ka ny anankiray nokapohiny, ary ny anankiray novonoiny, ary ny anankiray notorahany vato. **36** Dia naniraka mpanompo hafa koa indray izy, maro noho ny teo; fa nataony toy izany koa ireny. **37** Ary nony farany dia naniraka ny zanany hankany aminy izy ka nanao hoe: Hanaja ny zanako izy. **38** Kanjo ny mpiasa tany, nony nahita ny zanaka, dia niresaka hoe: Ity no mpandova; andeha hovonointsika izy, dia ho lasantsika ny lovany. **39** Ary nisambotra azy izy ka namoaka azy teo ivelan' ny tanim-boaloboka, dia namono azy. **40** Koa raha tonga ny tompon' ny tanim-boaloboka, hataony ahoana moa izany mpiasa tany izany? **41** Hoy izy taminy: Hataony loza tokoa ny handringanany izany olon-doza izany, ary ny tanim-boaloboka dia hahofany amin' ny mpiasa tany sasany izay hanome azy ny vokatra amin' ny fotoany avy. **42** Hoy Jesosy taminy: Tsy mbola novakinareo va ny teny ao amin' ny Soratra Masìna hoe: Ny vato izay nolavin' ny mpanao trano, Dia izy no efa natao fehizoro; Avy tamin' i Jehovah izao Ka mahagaga eo imasontsika? **43** Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Hesorina aminareo ny fanjakan' Andriamanitra ka homena izay firenena mahavokatra ny voany. **44** Ary izay potraka amin' ity vato ity dia ho torotoro, fa na zovy na zovy no hianjerany, dia ho mongomongo. **45** Ary rehefa ren' ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo ny fanoharana nataon' i Jesosy, dia fantany fa ny tenany no nolazainy amin' izany. **46** Dia nitady hisambotra Azy izy, saingy natahotra ny vahoaka, satria nataon' ny vahoaka ho mpaminany Jesosy.

22 Ary Jesosy namaly, dia nilaza fanoharana taminy indray ka nanao hoe: **2** Ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny mpanjaka, izay nanao fanasana fampakaram-bady ho an' ny zananilahy. **3** Ary izy naniraka ny mpanompony hiantso izay efa nasaina mba hankao amin' ny fampakaram-bady; fa tsy nety ho avy ireo. **4** Dia naniraka mpanompo hafa koa indray izy ka nanao hoe: Lazao amin' ny efa nasaina hoe: Indro, efa voavoatra ny nahandroko; efa voavono ny ombiko sy ny nafahiko, ka efa voavoatra avokoa ny zavatra rehetra; koa mankanesa atỳ amin' ny fampakaram-bady ianareo. **5** Nefa tsy nahoany akory izany, fa samy lasa nandeha izy, ny anankiray ho any amin' ny sahany, ary ny anankiray ho any amin' ny varony. **6** Ary ny sisa nisambotra ny mpanompony, dia nisetrasetra taminy ka namono azy. **7** Ary dia tezitra ilay mpanjaka ka naniraka ny miaramilany, dia nandringana izany mpamono olona izany sady nandoro ny tanànany. **8** Dia hoy izy tamin' ny mpanompony: Efa voavoatra ny fampakaram-bady, fa ny efa nasaina no tsy miendrika. **9** Koa mankanesa ianareo any amin' ny sampanan-dalana, ary izay hitanareo, dia asao ho ao amin' ny fampakaram-bady. **10** Dia nivoaka ho any amin' ny lalana ireny mpanompo ireny ka namory izay rehetra hitany, na ny ratsy, na ny tsara; ary dia feno mpihinana ny fampakaram-bady. **11** Ary nony efa niditra ny mpanjaka hizaha ny mpihinana, dia nahita lehilahy anankiray izay tsy niakanjo ny akanjo fitondra amin' ny fampakaram-bady. **12** Dia hoy izy taminy: Ry sakaiza, ahoana no idiranao eto, nefa ianao tsy miakanjo ny akanjo fitondra amin' ny fampakaram-bady? Dia sina izy. **13** Ary dia hoy ny mpanjaka tamin' ny mpanompony: Afatory ny tongony aman-tànany, dia ario any amin' ny maizina any ivelany izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. **14** Fa maro no antsoina, nefa vitsy no fidina. **15** Ary tamin' izay dia lasa ny Fariseo ka niara-nisaina mba hamandrika Azy amin' ny teniny. **16** Dia naniraka ny mpianany mbamin' ny Herodiana hankeo aminy izy ka nanao hoe: Mpampianatra ô, fantatray fa marina Hianao ka mampianatra marina ny lalan' Andriamanitra ary tsy manahy olona, satria tsy mba mizaha tavan' olona. **17** Koa lazao aminay ary izay hevitrao: Moa mety va ny mandoa vola hetra ho an' i Kaisara, sa tsia? **18** Fa Jesosy nahalala ny faharatsiany, dia nanao hoe: Nahoana no maka fanahy Ahy ianareo, ry mpihatsaravelatsihy? **19** Asehoy Ahy ny farantsakely fandoa amin' ny hetra. Dia nitondrany denaria Izy. **20** Ary

hoy Jesosy taminy: An' iza ity sary sy soratra ity? **21** Hoy izy taminy: An' i Kaisara. Dia hoy Jesosy taminy: Aloavy ho an' i Kaisara ary izay an' i Kaisara, ary ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra. **22** Ary nony nahare izy, dia gaga, ary dia nandao Azy ka lasa nandeha. **23** Tamin' izany andro izany dia nankeo amin' i Jesosy ny Sadoseo sasany, izay milaza fa tsy misy fitsanganan' ny maty, ka nanontany Azy hoe: **24** Mpampianatra ô, Mosesy nilaza hoe: Raha misy maty momba, aoka ny rahalahiny hampakatra ny vadiny ka hiteraka hamelo-maso ny rahalahiny. **25** Koa nisy fito mirahalahy tetỳ aminay; ary ny zokiny nampaka-bady, dia maty, ary satria tsy nanan-janaka iry, dia navelany ho an' ny rahalahiny ny vadiny; **26** ary toy izany koa ny faharoa sy ny fahatelo, hatramin' ny fahafito. **27** Koa faran' izy rehetra dia maty koa ravehivavy. **28** Ary amin' ny fitsanganan' ny maty, ho vadin' iza amin' izy fito mirahalahy moa ravehivavy? satria efa samy nanambady azy avokoa izy rehetra. **29** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Mahadiso hevitra anareo ny tsi-fahafantaranareo ny Soratra Masìna na ny herin' Andriamanitra. **30** Fa amin' ny fitsanganan' ny maty dia tsy mba hisy hampaka-bady, na havoaka hampakarina, fa ho tahaka ny anjely any an-danitra izy. **31** Fa ny amin' ny fitsanganan' ny maty, moa tsy mbola novakinareo va ny teny nataon' Andriamanitra taminareo manao hoe: **32** Izaho no Andriamanitr' i Abrahama sy Andriamanitr' isaka ary Andriamanitr' i Jakoba? Andriamanitra tsy an' ny maty, fa an' ny velona. **33** Ary ny vahoaka, raha nandre, dia talanjona tamin' ny fampianarany. **34** Fa ny Fariseo, nony nandre fa nampahasina ny Sadoseo Izy, dia niangona. **35** Ary ny anankiray tamin' ireo, izay mpahay lalàna, nanontany naka fanahy Azy ka nanao hoe: **36** Mpampianatra ô, ny didy manao ahoana moa no lehibe ao amin' ny lalàna? **37** Dia hoy Jesosy taminy: Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra. **38** Izany no didy lehibe sady voalohany. **39** Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao. **40** Izany didy roa izany no ihantonan' ny lalàna rehetra sy ny mpaminany. **41** Ary rehefa tafangona ny Fariseo, dia nanontany azy Jesosy ka nanao hoe: **42** Ahoana no hevitrareo ny amin' i Kristy? Zanak' iza moa Izy? Hoy izy taminy: Zanak' i Davida. **43** Hoy Jesosy taminy: Koa nahoana ary Davida amin' ny Fanahy no manao Azy hoe Tompo, ka manao hoe: **44** Jehovah nilaza tamin' ny Tompoko hoe: Mipetraha eo an-tanako ankavanana Ambara-panaoko ny fahavalonao ho eo ambanin' ny tongotrao? **45** Koa raha Davida ary manao Azy hoe Tompo, ahoana no maha-zanany Azy? **46** Dia tsy nisy nahavaly Azy na dia teny iray akory aza; ary hatramin' izay andro izay dia tsy nisy sahy nanontany Azy intsony.

23 Ary tamin' izany Jesosy dia niteny tamin' ny vahoaka sy tamin' ny mpianany ka nanao hoe: **2** Eo amin' ny fipetrahan' i Mosesy no ipetrahan' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo; **3** koa amin' izany, izay rehetra lazainy dia ataovy ka tandremo; fa aza mba manao araka ny asany, satria miteny ihany izy, nefa tsy manao. **4** Eny, mamehy entana sady mavesatra no sarotra entina izy ka manaingina izany eo amin' ny soroky ny olona, nefa ny tenany tsy mety manetsika izany na dia amin' ny rantsan-tànany anankiray asa. **5** Ary ny asany rehetra dia ataony mba ho hitan' ny olona; fa ataony lehibe ny fylakiterany, ary ataony vaventy ny somotraviaviny. **6** Ary tia ny fitoerana aloha eo amin' ny fanasana izy, sy ny fipetrahana aloha eo amin' ny synagoga **7** sy ny hoharabain' ny olona eny an-tsena ary ny hataon' ny olona hoe: Raby ô! **8** Fa ianareo kosa aza mba mety hatao hoe: Raby ô; fa iray ihany no mpampianatra anareo, ary ianareo rehetra dia mpirahalahy avokoa. **9** Ary aza milaza olona etỳ an-tany ho rainareo; fa iray ihany no Rainareo, dia Izay any an-danitra. **10** Ary aza mba mety hatao hoe mpitarika ianareo; fa iray ihany no Mpitarika anareo, dia Kristy. **11** Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo. **12** Fa izay manandra-tena no haetry; ary izay manetry tena no hasandratra. **13** Fa lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa arindrinareo eo anoloan' ny olona ny fanjakan' ny lanitra; fa ianareo tsy miditra, ary izay miditra dia tsy avelanareo hiditra. **14** (Lozanareo mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa laninareo ny tranon' ny mpitondratena, ary dia manao vavaka lavareny ho fiolahana ianareo; koa izany no hahazoanareo fahamelohana mafimafy kokoa.) **15** Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa mandeha mitety ny ranomasina sy ny tany maina ianareo mba hahazoanareo na dia iray ihany aza ho proselyta; ary rehefa azonareo izy, dia ataonareo zanaky ny helo mihoatra indroa noho ianareo aza. **(Geenna g1067)** **16** Lozanareo, mpitarika jamba izay manao hoe: Raha misy mianiana amin' ny tempoly, dia tsy mampaninona izany; fa raha misy mianiana amin' ny volamena amin' ny tempoly, dia haningo-tena izy. **17** Ry adala sy jamba! iza no lehibe, ny volamena va, sa ny tempoly izay nahamasina ny volamena? **18** Ary koa: Raha misy mianiana amin' ny alitara, dia tsy mampaninona izany; fa raha misy mianiana amin' ny fanatitra eo amboniny, dia haningo-tena izy. **19** Ry jamba! iza no lehibe, ny fanatitra, sa ny alitara izay mahamasina ny fanatitra? **20** Koa amin' izany, izay mianiana amin' ny alitara, dia mianiana aminy mbamin' ny zavatra rehetra izay eo amboniny. **21** Ary izay mianiana amin' ny tempoly dia mianiana aminy mbamin' izay mitoetra ao anatiny. **22** Ary izay mianiana amin' ny lanitra dia mianiana amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra mbamin' izay mipetraka eo amboniny. **23** Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa mandoa ny fahafolon' ny solila sy ny aneta ary ny komina ianareo, nefa navelanareo izay lehibe amin' ny lalàna, dia ny rariny sy ny famindram-po ary ny finoana; ireto tokony ho nataonareo, nefa tsy tokony havelanareo ireroana. **24** Ry mpitarika jamba! tantavaninareo ny moka, nefa atelinareo ny rameva. **25** Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa diovinareo ny vohon' ny kapoaka sy ny lovia, nefa ny ao anatiny dia feno rombaka sy tsi-fahononana. **26** Ry Fariseo jamba! diovy aloha ny atin' ny kapoaka sy ny lovia, mba ho madio koa ny vohony. **27** Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa ianareo dia tahaka ny fasana voalalotra fotsy, izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ny

ao anatiny dia feno taolan' ny maty mbamin' ny fahalotoana rehetra. **28** Dia tahaka izany koa ianareo: raha amin' ny eo ivelany dia miseho amin' ny olona ho marina, nefa ny ao anatinareo dia feno fihatsaram-belatsihy sy tsi-fankatoavan-dalàna. **29** Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa manao ny fasan' ny mpaminany ianareo sady manisy haingony ny rarivatom-pasan' ny olona marina, **30** ka hoy ianareo: Raha niara-belona tamin' ny razanay izahay, dia tsy mba nikambana taminy handatsa-drà ny mpaminany. **31** Ka dia miampanga tena ianareo fa zanak' izay namono ny mpaminany. **32** Ary ianareo koa dia mamenoa ny famaran' ny razanareo. **33** Ry bibilava, taranaky ny menarana, hataonareo ahoana no fandositra ny fanamelohana ho any amin' ny helo? **(Geenna g1067)** **34** Ary noho izany, indro, Izaho maniraka mpaminany sy olon-kendry ary mpanora-dalàna ho atỳ aminareo; koa ny sasany hovonoinareo sy hohomboanareo amin' ny hazo fijaliana, ary ny sasany hokapohinareo ao amin' ny synagoganareo sy henjehinareo mitety vohitra, — **35** mba hanody anareo ny rà marina rehetra, izay nalatsaka tambonin' ny tany, hatramin' ny ran' i Abela marina ka hatramin' ny ran' i Zakaria, zanak' i Barakia, izay novonoinareo teo anelanelan' ny tempoly sy ny alitara. **36** Lazaiko aminareo marina tokoa: Hanody ity taranaka ity izany rehetra izany. **37** Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato izay irahina ho aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanomban' ny akoho ny zanany ao ambanin' ny elany, fa tsy nety ianareo! **38** Indro, avela ho lao ho anareo ny tranonareo. **39** Fa lazaiko aminareo: Hatramin' izao dia tsy hahita Ahy tokoa ianareo mandra-pilazanareo hoe: Isaorana anie Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah.

24 Ary nony niala teo an-kianjan' ny tempoly Jesosy, dia lasa nandeha; ary ny mpianany nanatona Azy hampizaha Azy ny rafitry ny tempoly. **2** Fa Izy namaly ka nanao taminy hoe: Tsy hitanareo va ireo rehetra ireo? Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana. **3** Ary nipetraka teo an-tendrombohitra Oliva Izy, dia nanatona Azy mangingina ny mpianany ka nanao hoe: Lazao aminay izay andro hahatongavan' izany, ary izay ho famantarana ny fihavianao sy ny fahataperan' izao tontolo izao. **(aiōn g165)** **4** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Mitandrema, fandrao hisy hamitaka anareo. **5** Fa maro no ho avy amin' ny anarako hanao hoe: Izaho no Kristy, ka maro no ho voafitany. **6** Ary handre ady sy filazana ady ianareo; koa mitandrema, aza matahotra; fa tsy maintsy ho tonga izany; nefa tsy mbola tonga ny farany. **7** Fa hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hitsangana hamely fanjakana; ary hisy mosary sy horohorontany amin' ny tany samy hafa. **8** Fa izany rehetra izany no fiandohan' ny fahoriana. **9** Ary dia hatolony ho amin' ny fahoriana ianareo ka hovonoiny; ary ho halan' ny firenena rehetra ianareo noho ny anarako. **10** Ary amin' izany andro izany dia ho tafintohina ny maro, ary hifampiampanga sy hifankahala izy. **11** Ary hisy mpaminany sandoka maro hitsangana ka hamitaka ny maro. **12** Ary noho ny haben' ny tsi-fankatoavan-dalàna dia hihamangatsiaka ny fitiavan' ny maro. **13** Fa izay maharitra hatramin' ny farany no hovonjena. **14** Ary hotorina amin' izao tontolo izao ity filazantsaran' ny fanjakana ity ho vavolombelona amin' ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany. **15** Koa raha hitanareo mitsangana ao amin' izay fitoerana masìna ny fahavetavetan' ny fandravana, izay nampilazaina an' i Daniela mpaminany (aoka hisaina izay mamaky izany), **16** dia aoka izay olona any Jodia handositra ho any an-tendrombohitra; **17** ary izay ao an-tampon-trano aoka tsy hidina haka ny ao an-tranony; **18** ary izay any an-tsaha aoka tsy hiverina haka ny lambany. **19** Ary lozan' ny bevohoka sy ny mampinono amin' ireo andro ireo! **20** Fa mivavaha ianareo mba tsy ho amin' ny ririnina na ho amin' ny Sabata no handosiranareo. **21** Fa amin' izany andro izany dia hisy fahoriana lehibe, izay tsy mbola nisy toa azy hatrizay niandohan' izao tontolo izao ka mandraka ankehitriny, sady tsy hisy intsony. **22** Ary raha tsy efa nohafohezina izany andro izany, dia tsy nisy nofo hovonjena; fa noho ny olom-boafidy dia hohafohezina izany andro izany. **23** Koa raha misy manao aminareo hoe: Indro, y Kristy, na: Indro, ar; aza mino ianareo. **24** Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny. **25** Indro, voalazako aminareo rahateo izany. **26** Ary amin' izany, raha misy manao aminareo hoe: Indro, any an-efitra Izy, aza mankany ianareo; Indro, ao amin' ny efi-trano Izy, aza mino. **27** Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fihavian' ny Zanak' olona. **28** Fa izay itoeran' ny faty, dia any no hiangonan' ny voromahery. **29** Ary raha vao afaka ny fahoriana amin' ireo andro ireo, ny masoandro dia hohamaizinina, ary ny volana tsy hahazava; ny kintana hiraraka avy any an-danitra, ary ny herin' ny lanitra hohozongozonina. **30** Ary amin' izany andro izany dia hiseho eo amin' ny lanitra ny famantarana ny Zanak' olona, ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin' ny tany, ary hahita ny Zanak' olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin' ny rahon' ny lanitra izy. **31** Ary amin' ny ampanenoana mafy ny trompetra dia haniraka ny anjeliny Izy, ary hangonin' ireo ny olom-boafidy avy amin' ny vazan-tany efatra hatramin' ny faravodilanitra rehetra. **32** Ary mianara ny fanoharana ny amin' ny aviavy: Raha vao manaroka ny rantsany ka mandravina, dia fantatrareo fa efa akaiky ny lohataona. **33** Dia tahaka izany koa ianareo, raha vao hitanareo izany rehetra izany, dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky mby eo am-baravarana Izy. **34** Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy mba ho lany izao taranaka izao mandra-pahatongan' izany rehetra izany. **35** Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona. **36** Fa ny amin' izany andro sy ora izany dia tsy misy mahalala, na dia ny anjelin' ny lanitra aza, [ary na ny Zanaka aza,] afa-tsy ny Ray ihany. **37** Fa tahaka ny andron' i Noa, dia ho tahaka izany koa ny fihavian' ny Zanak' olona. **38** Fa tahaka ny tamin' ny andro fony tsy mbola tonga ny Safo-drano, ka nihinana sy nisotro ny olona ary nampaka-bady sy namoaka ny ampakarina, mandra-

pihavin' ny andro izay nidiran' i Noa tao amin' ny sambo-fiara, **39** ary tsy fantany mandra-pihavin' ny Safo-drano izay nandringana ny olona rehetra, dia ho tahaka izany ny fihavian' ny Zanak' olona. **40** Ary amin' izany hisy roa lahy any an-tsaha; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela. **41** Ary hisy roa vavy manodina ny fikosoham-bary; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela. **42** Koa amin' izany miambena ianareo; fa tsy fantatrareo izay andro hihavian' ny Tomponareo. **43** Nefa aoka ho fantatrareo izao: Raha fantatry ny tompon-trano ny fiambenana amin' ny alina izay hihavian' ny mpangalatra, dia ho niambina izy ka tsy namela ny tranony hotamina. **44** Koa miomana kosa ianareo; fa amin' izay ora tsy ampoizinareo no hihavian' ny Zanak' olona. **45** Iza moa no mpanompo mahatoky sy manan-tsaina, izay notendren' ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy hanina amin' ny fotoana? **46** Sambatra izany mpanompo izany, raha avy ny tompony ka hahita azy manao izany. **47** Lazaiko aminareo marina tokoa: Hotendreny ho mpanapaka ny fananany rehetra izy. **48** Fa raha manao anakampo izany mpanompo ratsy fanahy izany hoe: Maharitra ela ny tompoko, **49** ka dia mikapoka ny mpanompo namany izy ary mihinana sy misotro amin' ny mpimamo, **50** dia ho avy ny tompon' izany mpanompo izany amin' ny andro izay tsy ampoiziny sy amin' ny ora izay tsy fantany, **51** dia hotapahiny roa izy ka homeny anjara any amin' ny mpihatsaravelatsihy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify.

25 Ary amin' izany ny fanjakan' ny lanitra dia ho tahaka ny virijina folo, izay nitondra ny fanalany ka nivoaka hitsena ny mpampakatra. **2** Ary ny dimy tamin' ireo dia adala, fa ny dimy kosa hendry. **3** Fa ny adala nandray ny fanalany, nefa tsy nitondra solika fitaiza; **4** ary ny hendry kosa nitondra solika tao anatin' ny fitondrany sy ny fanalany. **5** Ary raha naharitra ela ny mpampakatra, dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory. **6** Ary nony mamatonalina, dia nisy antso hoe: Indro ny mpampakatra! Mivoaha mba hitsena azy. **7** Dia nitsangana ireo virijina ireo, ka samy namboatra ny fanalany. **8** Dia hoy ny adala tamin' ny hendry: Mba omeo kely amin' ny solikareo izahay; fa efa ho faty ny fanalanay. **9** Fa ny hendry namaly ka nanao hoe: Sao tsy ampy ho anay sy ho anareo, fa mandehana mankany amin' ny mpivarotra ianareo, ka mividiana ho anareo. **10** Fa raha mbola lasa nividy izy, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin' ny fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana. **11** Ary rehefa afaka izany, dia tonga kosa ireo virijina teo ka nanao hoe Tompoko, tompoko, vohay izahay. **12** Fa izy namaly hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy fantatro ianareo. **13** Koa amin' izany miambena ianareo, fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora. **14** Fa ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny olona izay efa handeha ho any an-tany hafa ka niantso ny mpanompony, dia nanolotra azy ny fananany: **15** koa ny anankiray nomeny talenta dimy, ny anankiray roa, ary ny anankiray iray, — samy araka izay fahaizany avy; dia lasa nandeha izy. **16** Ary niaraka tamin' izay dia lasa ilay nandray ny talenta dimy, ka nataony varotra izany; ary nahazo tombony talenta dimy koa izy. **17** Ary toy izany koa, ilay nandray ny roa dia nahazo roa ho tombony. **18** Fa ilay nandray ny iray kosa dia lasa nihady ny tany ka nandevina ny volan' ny tompony. **19** Ary nony ela, dia tonga ny tompon' ireo mpanompo ireo ka nampilaza azy ny amin' ny volany. **20** Ary nony nanatona ilay nandray ny talenta dimy, dia nitondra talenta dimy koa izy ka nanao hoe: Tompoko, talenta dimy no natolotrao ahy; indro, nahazo tombony talenta dimy koa aho. **21** Hoy ny tompony taminy: Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin' ny kely ianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be; midìra amin' ny fifalian' ny tomponao. **22** Ary nony nanatona koa ilay nandray ny talenta roa, dia hoy izy: Tompoko, talenta roa no natolotrao ahy; indro, nahazo tombony talenta roa koa aho. **23** Hoy ny tompony taminy: Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin' ny kely ianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be; midìra amin' ny fifalian' ny tomponao. **24** Fa nony nanatona kosa ilay nandray ny talenta iray, dia nilaza hoe: Tompoko, fantatro fa olona mila voatsiary ianao, mijinja eny amin' izay tsy namafazanao, ary manangona eny amin' izay tsy nanahafanao; **25** dia natahotra aho ka lasa nandevina ny talentanao tao anatin' ny tany; indry, lasanao ny anao. **26** Ary ny tompony namaly ka nanao taminy hoe: Ry mpanompo ratsy sady malaina, efa fantatrao fa mijinja eny amin' izay tsy namafazako aho, ary manangona eny amin' izay tsy nanahafako; **27** koa tokony ho nampanàna ny volako tamin' ny mpanana vola ianao, ka raha tonga aho, dia ho nandray ny ahy mban-janany. **28** Koa alao aminy ny talenta, dia omeo ilay manana ny talenta folo. **29** Fa izay rehetra manana dia homena, ka hanam-be izy; fa izay tsy manana kosa, na dia izay ananany aza dia halaina aminy. **30** Ary ario ho any amin' ny maizina any ivelany ny mpanompo tsy mahasoa; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. **31** Ary raha tonga ny Zanak' olona amin' ny voninahiny, arahin' ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy; **32** ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin' ny osy; **33** ary hametraka ny ondry eo amin' ny ankavanany Izy, fa ny osy eo amin' ny ankaviany. **34** Ary amin' izany ny Mpanjaka dia hilaza amin' izay eo amin' ny ankavanany hoe: Avia ianareo izay notahin' ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao; **35** fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo; **36** tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho, dia novangianareo. **37** Ary dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao ka nomenay hanina, na nangetaheta ka nampisotroinay? **38** Ary oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay, na tsy nanan-kitafy ka notafianay? **39** Ary oviana no hitanay narary Hianao, na tao an-tranomaizina, ka novangianay? **40** Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa:

Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko. **41** Ary dia hilaza indray amin' izay eo amin' ny ankaviany kosa Izy hoe: Mialà amiko, ianareo izay voaozona, ho any amin' ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an' ny devoly sy ny anjeliny; **(aiōnios g166)** **42** fa noana Aho, fa tsy mba nomenareo hanina; nangetaheta Aho, fa tsy mba nampisotroinareo; **43** nivahiny Aho, fa tsy mba nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, fa tsy mba notafianareo; narary sy tao an-tranomaizina Aho, fa tsy mba novangianareo. **44** Ary dia hamaly kosa ireo hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao, na nangetaheta, na nivahiny, na tsy nanan-kitafy, na narary, na tao an-tranomaizina, ka tsy mba nanompo Anao izahay? **45** Fa hamaly azy Izy ka hanao hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay tsy nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto kely indrindra ireto no tsy mba nataonareo tamiko. **46** Ary ireo dia hiala ho any amin' ny fampijaliana mandrakizay; fa ny marina ho any amin' ny fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)**

26 Ary rehefa vitan' i Jesosy izany teny rehetra izany, dia nilaza tamin' ny mpianany hoe Izy: **2** Fantatrareo fa raha afaka indroa andro, dia ho tonga ny Paska, koa ny Zanak' olona dia hatolotra hohomboana amin' ny hazo fijaliana. **3** Ary tamin' izany dia nivory ny lohan' ny mpisorona sy ny loholona tao an-kianjan' ny tranon' ny mpisoronabe atao hoe Kaiafa. **4** Ary niara-nihevitra izy hisambotra an' i Jesosy amin' ny fitaka ka hamono Azy; **5** kanefa hoy izy: Tsy amin' ny andro firavoravoana, fandrao hisy tabataba amin' ny olona. **6** Ary nony tany Betania Jesosy, tao an-tranon' i Simona boka, **7** dia nanatona Azy ny vehivavy anankiray nitondra tavoara alabastara feno menaka manitra saro-bidy loatra, ka naidiny tamin' ny lohany izany, raha nipetraka nihinana Izy. **8** Fa nony nahita izany ny mpianatra, dia tezitra ka nanao hoe: Inona no anton' izao fandaniam-poana izao? **9** Fa azo namidy ho lafo be iny ka homena ny malahelo. **10** Ary fantatr' i Jesosy izay nataon' ireo, ka dia hoy Izy taminy: Nahoana ianareo no mampalahelo an-dravehivavy? fa asa soa no nataony tamiko. **11** Fa ny malahelo dia eto aminareo mandrakariva, fa Izaho tsy mba ho eto aminareo mandrakariva. **12** Fa izy no nampidina izany menaka manitra izany tamin' ny tenako, dia ny hamboatra Ahy halevina no nanaovany izany. **13** Lazaiko aminareo marina tokoa: Na aiza na aiza amin' izao tontolo izao no hitoriana ity filazantsara ity, dia holazaina koa izay nataon-dravehivavy mba ho fahatsiarovana azy. **14** Ary ny anankiray tamin' ny roa ambin' ny folo lahy, atao hoe Jodasy Iskariota, dia nankao amin' ny lohan' ny mpisorona **15** ka nanao hoe: Homenareo hoatrinona aho hanolorako Azy aminareo? Ary izy nandanja sekely volafotsy telo-polo homena azy. **16** Ary hatramin' izay no nitadiavany izay andro hahazoany mamadika Azy. **17** Ary tamin' ny voalohan' ny andro fihinanana ny mofo tsy misy masirasira dia nankeo amin' i Jesosy ny mpianatra ka nanao hoe: Aiza no tianao hamboarinay hihinananao ny Paska? **18** Ary hoy Izy: Mankanesa any an-tanàna ho any amin-dralehilahy, ka lazao aminy hoe: Hoy ny Mpampianatra: Efa akaiky ny fotoako; koa ato aminao Aho sy ny mpianatro no hitandrina ny Paska. **19** Ary ny mpianatra dia nanao araka ny nasain' i Jesosy nataony ka namboatra ny Paska. **20** Ary nony hariva ny andro, dia nipetraka nihinana Izy mbamin' ny mpianatra roa ambin' ny folo lahy. **21** Ary raha mbola nihinana izy, dia hoy Jesosy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa ny anankiray aminareo hamadika Ahy. **22** Dia nalahelo indrindra izy rehetra, ka samy nanontany Azy hoe: Moa izaho va izany, Tompoko? **23** Ary Izy namaly ka nanao hoe: Izay niara-nanatsoboka ny tànany tamiko tao anatin' ny lovia, izy no hamadika Ahy. **24** Ny Zanak' olona dia mandeha tokoa araka izay nanoratana Azy, nefa lozan' izay olona hahazoana ny Zanak' olona hatolotra! tsara ho an' izany olona izany raha tsy ary akory. **25** Ary Jodasy, izay namadika Azy, dia namaly ka nanao hoe: Izaho va izany, Raby ô? Dia hoy Izy taminy: Voalazanao. **26** Ary raha mbola nihinana izy, dia nandray mofo Jesosy, ka nony efa nisaotra Izy, dia novakiny ka natolony ny mpianatra, ary hoy Izy: Raiso, hano, ity no tenako. **27** Ary nandray kapoaka Izy, ka nony efa nisaotra, dia natolony azy ka nataony hoe: Sotroinareo rehetra ity; **28** fa ity no rako, dia ny amin' ny fanekena, izay alatsaka ho an' ny maro ho famelan-keloka. **29** Ary lazaiko aminareo fa hatramin' izao dia tsy mba hisotro itony vokatry ny voaloboka itony intsony Aho mandra-pihavin' ny andro hiarahako misotro izay vaovao aminareo any amin' ny fanjakan' ny Raiko. **30** Ary rehefa nihira fiderana izy, dia lasa nankany amin' ny tendrombohitra Oliva. **31** Ary tamin' izany dia hoy Jesosy taminy: Hianareo rehetra dia ho tafintohina noho ny amiko anio alina; fa voasoratra hoe: Hamely ny mpiandry Aho, dia hihahaka ny ondry andrasana. **32** Fa rehefa atsangana Aho, dia hialoha anareo ho any Galilia. **33** Fa Petera namaly ka nanao taminy hoe: Na dia ho tafintohina noho ny aminao aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina mandrakizay. **34** Hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminao marina tokoa fa anio alina, raha tsy mbola misy akoho maneno, dia handà Ahy intelo ianao. **35** Hoy Petera taminy: Na dia hiara-maty aminao aza aho, tsy mba handà Anao tokoa aho. Ary toy izany koa no nolazain' ny mpianatra rehetra. **36** Ary Jesosy mbamin' ny mpianany dia tonga tao amin' ny saha anankiray atao hoe Getsemane, ary hoy Izy tamin' ny mpianany: Mipetraha eto aloha ianareo, raha mbola mankeroa hivavaka Aho. **37** Ary nitondra an' i Petera mbamin' izy roa lahy zanak' i Zebedio Izy, dia nalahelo am-po sy ory indrindra. **38** Dia hoy Izy taminy: Fadiranovana loatra ny fanahiko, toy ny efa ho faty; mitoera eto, ka miaraha miari-tory amiko. **39** Ary nony nandroso kelikely Izy, dia niankohoka ka nivavaka hoe: Raiko ô, raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao. **40** Ary nankeo amin' ny mpianatra Izy ka nahita azy matory, dia hoy Izy tamin' i Petera: Hay! tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko na dia ora iray ihany aza ianareo! **41** Miareta tory sy mivavaha ianareo, mba tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy; mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery. **42** Dia nandeha fanindroany Izy ka

nivavaka hoe: Raiko ô, raha tsy azo esorina ity, fa tsy maintsy hosotroiko, dia aoka ny sitraponao no hatao. **43** Ary nony tonga Izy, dia nahita azy matory indray; fa efa nilondolondo ny masony. **44** Ary rehefa nandao azy Izy ka lasa indray, dia nivavaka fanintelony ka nanao izany teny izany ihany. **45** Dia nankeo amin' ny mpianatra Izy ka nanao taminy hoe: Matoria ary ankehitriny, ka mialà sasatra ianareo; indro, efa akaiky ny ora, ary ny Zanak' olona hatolotra eo an-tànan' ny mpanota. **46** Mitsangàna, andeha isika; indro fa efa akaiky ilay mamadika Ahy. **47** Ary raha mbola niteny Jesosy, indro, avy Jodasy, izay isan' ny roa ambin' ny folo lahy, mbamin' ny vahoaka betsaka niaraka taminy, nitondra sabatra sy langilangy, nirahin' ny lohan' ny mpisorona sy ny loholona. **48** Ary ilay namadika Azy nanome famantarana ny olona ka nanao hoe: Izay horohako no Izy; sambory Izy. **49** Ary niaraka tamin' izay dia nanatona an' i Jesosy izy ka nanao hoe: Finaritra, Raby! dia nanoroka Azy. **50** Fa hoy Jesosy taminy: Ry sakaiza, ataovy izay nalehanao eto. Dia nanatona ny olona ka nisambotra an' i Jesosy ary nitana Azy. **51** Ary, indro, ny anankiray tamin' izay nomba an' i Jesosy naninjitra ny tànany, dia nanatsoaka ny sabany ka nikapa ny mpanompon' ny mpisoronabe ary nahafaka ny sofiny. **52** Fa hoy Jesosy taminy: Ampidiro amin' ny tranony ny sabatrao; fa izay rehetra mandray sabatra no hovonoina amin' ny sabatra. **53** Ary ataonao va fa tsy mahazo mangataka amin' ny Raiko Aho, dia haniraka anjely tsy omby roa ambin' ny folo legiona ho etỳ amiko Izy ankehitriny? **54** Raha izany, dia hatao ahoana no hahatanteraka ny Soratra Masìna, izay milaza fa tsy maintsy ho tonga izany? **55** Ary tamin' izany ora izany dia niteny tamin' ny vahoaka Jesosy ka nanao hoe: Mivoaka mitondra sabatra sy langilangy hisambotra Ahy toy ny hisambotra jiolahy va ianareo? Isan' andro dia nipetraka nampianatra teo an-kianjan' ny tempoly Aho, nefa tsy nisambotra Ahy ianareo. **56** Fa izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka izay voasoratry ny mpaminany. Ary tamin' izany dia nandao Azy ny mpianatra rehetra ka nandositra. **57** Ary izay efa nisambotra an' i Jesosy dia nitondra Azy ho any amin' i Kaiafa mpisoronabe, izay nivorian' ny mpanora-dalàna sy ny loholona. **58** Ary Petera nanaraka Azy teny lavidavitra eny hatrany amin' ny kianjan' ny tranon' ny mpisoronabe; ary niditra izy, dia niara-nipetraka tao amin' ny mpiandry raharaha mba hahita izay hiafarany. **59** Ary ny lohan' ny mpisorona mbamin' ny Synedriona rehetra nitady teny ho entiny hiampanga lainga an' i Jesosy mba hamonoany Azy; **60** fa tsy nahita izy, na dia maro aza ny vavolombelona mandainga tonga teo. Ary nony farany dia nisy roa lahy tonga teo, izay nanao hoe: **61** Ilehity nanao hoe: Mahay mandrava ny tempolin' Andriamanitra Aho sy manangana azy amin' ny hateloana. **62** Dia nitsangana ny mpisoronabe ka nanao tamin' i Jesosy hoe: Tsy mety mamaly akory va Hianao? Inona no iampangan' ireto Anao? **63** Nefa tsy niteny Jesosy. Dia hoy ny mpisoronabe taminy: Ampianianiko amin' Andriamanitra velona Hianao hilaza aminay, raha Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra. **64** Hoy Jesosy taminy: Voalazanao; ary koa, lazaiko aminareo: Hatramin' izao dia ho hitanareo ny Zanak' olona mipetraka eo amin' ny tanana ankavanan' ny Hery sy avy eo amin' ny rahon' ny lanitra. **65** Ary tamin' izany ny mpisoronabe dia nandriatra ny fitafiany ka nanao hoe: Efa niteny ratsy Izy; ahoana no mbola ilantsika vavolombelona indray? indro, efa renareo izao fitenenan-dratsy izao. **66** Ahoana no hevitrareo? Ary ireo namaly ka nanao hoe: Miendrika hohelohina ho faty Izy. **67** Dia nororany ny tavany, ka nasiany totohondry Izy; ary ny sasany namely tahamaina Azy. **68** ka nanao hoe: Maminania aminay, ry Kristy, iza no namely Anao? **69** Ary Petera nipetraka teo ivelany, teo an-kianja, dia nanatona azy ny ankizivavy anankiray ka nanao hoe: Hianao koa nomba an' i Jesosy, ilay Galiliana. **70** Fa izy nandà teo anatrehan' izy rehetra ka nanao hoe: Tsy azoko izay lazainao. **71** Ary nony niala ho eo am-bavahady izy, dia nahita azy ny ankizivavy anankiray koa ka nilaza tamin' izay teo hoe: Ity koa nomba an' i Jesosy avy any Nazareta. **72** Ary nandà indray tamin' ny fianianana izy ka nanao hoe: Tsy fantatro izany Lehilahy izany. **73** Ary nony afaka kelikely, dia nanatona izay nijanona teo ka nanao tamin' i Petera hoe: Marina tokoa fa naman' ireny ianao; fa ny fiteninao miampanga anao. **74** Dia vao niozona sy nianiana izy ka nanao hoe: Tsy fantatro izany Lehilahy izany; ary niaraka tamin' izay dia nisy akoho naneno. **75** Ary Petera nahatsiaro ny tenin' i Jesosy, izay nolazainy hoe: Raha tsy mbola misy akoho maneno, dia handà Ahy intelo ianao. Ary rehefa nivoaka teny ivelany izy, dia nitomany fatratra.

27 Ary nony maraina ny andro, ny lohan' ny mpisorona rehetra sy ny loholona dia niara-nihevitra hiampanga an' i Jesosy mba hamonoany Azy. **2** Ary rehefa nafatony Izy, dia nentiny ka natolony an' i Pilato governora. **3** Ary Jodasy, ilay namadika Azy, raha nahita fa nohelohina Jesosy, dia nanenina ka namerina ny sekely volafotsy telo-polo tamin' ny lohan' ny mpisorona sy ny loholona **4** ka nanao hoe: Nanota aho, satria namadika rà marina. Fa hoy ireo: Ahoanay izany? fa asa anao. **5** Ary nony natsipiny teo amin' ny tempoly ny vola, dia niala izy ka lasa nandeha, dia nanao tadimody ary nananton-tena, ka dia maty. **6** Ary ny lohan' ny mpisorona nandray ny vola ka nanao hoe: Tsy mety raha alatsaka ao amin' ny rakitry ny tempoly io, fa vidin-drà. **7** Ary nony niara-nihevitra izy, dia namidiny ny sahan' ny mpanefy vilany ny vola ho fandevenam-bahiny. **8** Koa izany no anaovana ny anaran' izany saha izany mandraka androany hoe Sahan-drà. **9** Ary tamin' izany dia tanteraka izay nampilazaina an' i Jeremia mpaminany hoe: Dia nalainy ny sekely volafotsy telo-polo, vidin' ilay notombanana, dia ilay notombanan' ny Zanak' Isiraely, **10** ka nomeny hamidy ny sahan' ny mpanefy vilany izany, araka izay efa nandidian' i Jehovah ahy. **11** Ary Jesosy nitsangana teo anatrehan' ny governora; ary ny governora nanontany Azy ka nanao hoe: Hianao va no Mpanjakan' ny Jiosy? Dia hoy Jesosy taminy: Voalazanao. **12** Ary raha nampangain' ny lohan' ny mpisorona mbamin' ny loholona Izy, dia tsy namaly akory. **13** dia hoy Pilato taminy: Tsy renao va izany zavatra maro iampangany Anao izany? **14** Fa tsy namaly azy Izy na dia indraim-bava akory

aza, ka dia gaga indrindra ny governora. **15** Ary isaky ny tonga ny andro firavoravoana dia fanaon' ny governora ny mandefa mpifatotra anankiray ho an' ny vahoaka, araka izay tiany. **16** Ary tamin' izany dia nisy mpifatotra malaza atao hoe Barabasy. **17** Koa nony tafangona teo ny olona, dia hoy Pilato taminy: Iza moa no tianareo halefako ho anareo? Barabasy, sa Jesosy, Izay atao hoe Kristy? **18** Fa fantany fa fialonana no nanoloran' ireo Azy. **19** Ary raha nipetraka teo amin' ny fitsarana izy, ny vadiny dia naniraka hankeo aminy ka nanao hoe: Aza manao na inona na inona amin' izany Lehilahy marina izany, fa nampahory ahy be ihany ny nanofisako Azy any naraina. **20** Ary ny lohan' ny mpisorona mbamin' ny loholona nitaona ny vahoaka mba hangataka an' i Barabasy ary hamono an' i Jesosy. **21** Fa ny governora namaly ka nanao taminy hoe: Iza moa amin' izy roa lahy no tianareo halefako ho anareo? Dia hoy izy: Barabasy. **22** Hoy Pilato taminy: Ka ahoana kosa ary no hataoko amin' i Jesosy, Izay atao hoe Kristy? Dia hoy izy rehetra: Aoka hohomboana amin' ny hazo fijaliana Izy. **23** Fa hoy ny governora: Inona ary no ratsy nataony? Fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe: Aoka hohomboana amin' ny hazo fijaliana Izy! **24** Ary raha hitan' i Pilato, fa tsy nahaleo ditra aza izy, fa vao mainka nandroso ihany aza ny tabataba, dia naka rano izy ka nanasa tanana teo anatrehan' ny vahoaka ary nanao hoe: Afaka amin' ny ran' ity Lehilahy marina ity aho, fa asa anareo. **25** Ary ny olona rehetra dia namaly ka nanao hoe: Aoka ny rànу ho aminay mbamin' ny zanakay. **26** Ary dia nandefa an' i Barabasy ho an' ny olona izy; fa Jesosy nasainy nokapohina, dia natolony mba hohomboana tamin' ny hazo fijaliana. **27** Ary ny miaramilan' ny governora dia nitondra an' i Jesosy ho ao anati-rova sady nanangona ny miaramila namany rehetra ho eo aminy. **28** Ary rehefa nanala ny fitafiany, dia nanafy Azy lamba jaky izy. **29** Ary nandrandrana satroka tsilo izy, ka nasatrony ny lohany, ary nampitaniny volotara ny tànany ankavanana, dia nandohalika teo anatrehany izy ka naneso Azy hoe: Arahaba, ry Mpanjakan' ny Jiosy! **30** Dia nororany Izy, ary nalainy ny volotara ka nokapohiny ny lohany. **31** Ary rehefa naneso Azy izy, dia nanala ilay lamba taminy, ka nampitafiny Azy indray ny fitafiany, ary dia nentiny Izy mba hohomboana amin' ny hazo fijaliana. **32** Ary raha nandeha izy, dia nahita lehilahy Kyreniana anankiray, atao hoe Simona, ka izy notereny hitondra ny hazo fijalian' i Jesosy. **33** Ary rehefa tonga teo amin' ny tany atao hoe Golgota izy, izany hoe Ikarandoha, **34** dia nomeny divay miharo afero Izy hosotroiny; ary nony nanandrana izany Izy, dia tsy nety nisotro. **35** Ary rehefa voahombony tamin' ny hazo fijaliana Izy, dia nanaovany loka no fizàrany ny fitafiany. **36** Ary nipetraka izy, dia niambina Azy teo. **37** Ary napetany teo ambonin' ny lohany ny soratra milaza ny nanamelohana Azy, dia izao: Ity no Jesosy, Mpanjakan' ny Jiosy. **38** Ary nisy jiolahy roa nohomboana tamin' ny hazo fijaliana teo an-daniny roa, ny anankiray teo amin' ny ankavanany, ary ny anankiray teo amin' ny ankaviany. **39** Ary izay nandalo dia niteny ratsy Azy, sady nihifikifidoha **40** ka nanao hoe: Ry Ilay mandrava ny tempoly sy manangana azy amin' ny hateloana, vonjeo ny tenanao. Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, midìna hiala amin' ny hazo fijaliana. **41** Ary dia naneso toy izany koa ny lohan' ny mpisorona mbamin' ny mpanora-dalàna sy ny loholona ka nanao hoe: **42** Ny sasany novonjeny; fa ny tenany tsy hainy vonjena. Mpanjakan' ny Isiraely Izy, aoka hidina hiala amin' ny hazo fijaliana Izy ankehitriny, dia hino Azy izahay; **43** natoky an' Andriamanitra Izy, aoka Izy hamonjy Azy ankehitriny, raha ankasitrahany Izy, satria hoy Izy: Zanak' Andriamanitra Aho. **44** Ary nandatsa Azy toy izany koa ireo jiolahy niaraka nohomboana taminy tamin' ny hazo fijaliana. **45** Ary hatramin' ny ora fahenina ka hatramin' ny ora fahasivy dia maizina ny tany rehetra. **46** Ary nony tokony ho tamin' ny ora fahasivy, dia niantso tamin' ny feo mahery Jesosy ka nanao hoe: Ely, Ely, lamà sabaktany? izany hoe: Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia mahafoy Ahy Hianao? **47** Ary ny sasany tamin' izay nijanona teo, raha nandre izany, dia nanao hoe: Miantso an' i Elia Ilehio. **48** Ary niaraka tamin' izay ny anankiray teo aminy dia nihazakazaha ka nandray sipaonjy, ary rehefa natsobony tamin' ny vinaingitra izany ka notohiziny tamin' ny volotara, dia natohony hotsentsefin' i Jesosy. **49** Fa ny sasany kosa nanao hoe: Aoka hoe hizahantsika na ho avy hamonjy Azy Elia, na tsia. **50** Ary rehefa niantso tamin' ny feo mahery indray Jesosy, dia nanolotra ny fanahiny. **51** Ary, indro, ny efitra lamba tao amin' ny tempoly dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany; dia nihorohoro ny tany, ka nitresaka ny vatolampy; **52** ary nisokatra ny fasana, ka maro ny fatin' ny olona masìna izay efa nodi-mandry no natsangana, **53** ka nivoaka avy tao amin' ny fasana ireo taorian' ny nitsanganan' i Jesosy, dia nankao amin' ny Tanàna Masìna ka niseho tamin' ny maro. **54** Ary ny kapiteny sy ny fehiny, izay niambina an' i Jesosy, raha nahita ny horohorontany mbamin' izay zavatra tonga teo, dia raiki-tahotra indrindra ka nanao hoe: Marina tokoa fa Zanak' Andriamanitra io Lehilahy io. **55** Ary nisy vehivavy maro nitsinjo teny lavitra eny, izay nanaraka an' i Jesosy hatrany Galilia ka nanompo Azy. **56** Isan' ireny Maria Magdalena sy Maria, renin' i Jakoba sy Josesy, ary ny renin' ny zanak' i Zebedio. **57** Ary nony hariva ny andro, dia avy ny lehilahy manan-karena anankiray, avy any Arimatia, ny anarany atao hoe Josefa, ary izy koa dia mpianatr' i Jesosy. **58** Izany lehilahy izany dia nankao amin' i Pilato ka nangataka ny fatin' i Jesosy. Dia nasain' i Pilato homena azy izany. **59** Ary rehefa nalain' i Josefa ny faty ka nofonosiny hariry madinika madio, **60** dia naleviny tao amin' ny fasany vaovao izay efa nolavahany tamin' ny vatolampy; ary rehefa nanakodia vato lehibe ho eo amin' ny varavaran' ny fasana izy, dia lasa nandeha. **61** Ary tao Maria Magdalena sy ilay Maria anankiray ka nipetraka tandrifin' ny fasana. **62** Ary nony ampitson' ny andro fiomanana, dia nivory nankeo amin' i Pilato ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo **63** ka nanao hoe: Tompoko, tsaroanay fa iny mpamitaka iny, fony Izy mbola velona, dia nanao hoe: Raha afaka hateloana, dia hitsangana Aho. **64** Koa asaovy hambenana mafy ny fasana mandra-pahatongan' ny andro fahatelo, fandrao avy ny mpianany ka mangalatra Azy, dia hilaza amin' ny olona hoe: Efa natsangana tamin' ny maty Izy; ka dia ho ratsy ny

fitaka farany noho ny voalohany. **65** Hoy Pilato taminy: Makà mpiambina ka mandehana, ary ataovy mafy araka izay hainareo ny fiambenana. **66** Ary nony lasa izy, dia nalatsany ny mpiambina hiambina mafy ny fasana, rehefa nasiany tombo-kase ny vato.

28 Ary tamin' ny alin' ny Sabata, raha vao nazava ratsy ny andro voalohany amin' ny herinandro, dia avy hizaha ny fasana Maria Magdalena sy ilay Maria anankiray. **2** Ary, indro, nisy horohorontany mafy; fa nisy anjelin' ny Tompo nidina avy tany an-danitra, dia nankeo ka nanakodia ny vato, dia nipetraka teo amboniny. **3** Ary ny fijery azy dia tahaka ny helatra, ary ny fitafiany fotsy tahaka ny orampanala; **4** ary ny mpiambina nivadi-po noho ny fahatahorana azy ka tonga tahaka ny maty. **5** Ary ny anjely namaly ka nilaza tamin' ny vehivavy hoe: Aza matahotra ianareo; fa fantatro fa Jesosy, Izay efa nohomboana tamin' ny hazo fijaliana, no tadiavinareo. **6** Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy. Avia, ka jereo, fa tao no nandrian' ny Tompo. **7** Ary mandehana faingana, ka lazao amin' ny mpianany fa efa nitsangana tamin' ny maty Izy; ary, indro, mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy; indro, efa nilaza taminareo aho. **8** Dia niala faingana tamin' ny fasana izy ireo sady natahotra no faly indrindra, dia nihazakazaka hilaza tamin' ny mpianatra. **9** Ary, indro, Jesosy nifanena taminy ka nanao hoe: Finaritra. Ary izy ireo nanatona, dia nihazona ny tongony ka niankohoka teo anatrehany. **10** Dia hoy Jesosy taminy: Aza matahotra; fa mandehana, ka asaovy mankany Galilia ny rahalahiko; fa any no hahitany Ahy. **11** Ary nony nandeha izy ireo, indreny, ny mpiambina sasany nankany an-tanana ka nilaza tamin' ny lohan' ny mpisorona ny zavatra rehetra izay vao niseho. **12** Ary rehefa niangona izy mbamin' ny loholona, dia niaranihevitra ka nanome vola be ny miaramila **13** ary nanao hoe: Lazao hoe: Ny mpianany no tonga alina ka nangalatra Azy raha sendra natory izahay; **14** ary raha misy milaza izany amin' ny governora, izahay dia hampanaiky azy ka hanao izay tsy hampaninona anareo. **15** Dia nandray ny vola izy ka nanao araka ny teny nomeny azy; ary izany teny izany dia naelin' ny Jiosy mandraka androany. **16** Ary ny mpianatra iraika ambin' ny folo lahy dia nankany Galilia, ho any amin' ilay tendrombohitra nasain' i Jesosy halehany. **17** Ary nony nahita Azy izy, dia niankohoka, fa ny sasany niahanahana. **18** Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; **19** koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masìna **20** sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan' ny fahataperan' izao tontolo izao. **(aiōn g165)**

Marka

1 Ny niandohan' ny filazantsaran' i Jesosy Kristy, Zanak' Andriamanitra. **2** Araka izay voasoratra ao amin' Isaia mpaminany hoe: Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha Anao, Izay hamboatra ny lalanao; **3** Injany! misy feon' ny miantso mafy any an-efitra hoe: Amboary ny lalan' i Jehovah. Ataovy mahitsy ny lalan-kalehany, **4** dia niseho Jaona, izay nanao batisa tany an-efitra ka nitory ny batisan' ny fibebahana ho famelan-keloka. **5** Dia nandeha nanatona azy ny tany Jodia rehetra sy ny mponina rehetra tany Jerosalema, ka nataony batisa tao amin' ny ony Jordana ireny, rehefa niaiky ny fahotany. **6** Ary Jaona nitafy lamba volon-drameva; ary fehin-kibo hoditra no tamin' ny valahany, ary ny fihinany dia valala sy tantely remby. **7** Ary nitory izy ka nanao hoe: Avy ao aoriako Ilay mahery noho izaho, ka tsy miendrika hiondrika hamaha ny fehin-kapany aza aho. **8** Izaho efa nanao batisa anareo tamin' ny rano, fa Izy kosa hanao batisa anareo amin' ny Fanahy Masìna. **9** Ary tamin' izany andro izany dia tonga avy tany Nazareta any Galilia Jesosy ka nataon' i Jaona batisa tao Jordana. **10** Ary raha vao niakatra avy teo amin' ny rano Izy, dia hitany ny lanitra nisokatra, ary ny Fanahy nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny. **11** Ary nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Hianao no Zanako malalako, Hianao no sitrako. **12** Ary niaraka tamin' izay dia nampandehanin' ny Fanahy ho any an-efitra Izy. **13** Ary tany an-efitra efa-polo andro Izy ka nalain' i Satana fanahy; ary teo amin' ny bibi-dia Izy, ary ny anjely nanompo Azy. **14** Ary rehefa voasambotra Jaona, dia nankany Galilia Jesosy nitory ny filazantsaran' Andriamanitra **15** ka nanao hoe: Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra; mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara. **16** Ary nony nandalo teny amoron' ny Ranomasin' i Galilia Izy, dia nahita an' i Simona sy Andrea, rahalahin' i Simona, nanarato teo amin' ny ranomasina; fa mpanarato izy. **17** Ary hoy Jesosy taminy: Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo. **18** Dia nandao ny harato niaraka tamin' izay izy ka nanaraka Azy. **19** Ary rehefa nandroso kelikely Izy, nahita an' i Jakoba, zanak' i Zebedio, Jaona rahalahiny, izay teo an-tsambokely koa namboatra ny haratony. **20** Dia niantso azy niaraka tamin' izay Izy; ary izy mirahalahy nandao an' i Zebedio rainy teo an-tsambokely mbamin' ny olona nokaramainy, ka dia nanaraka an' i Jesosy. **21** Ary nankany Kapernaomy izy ireo; nony tamin' ny Sabata, dia niditra tao amin' ny synagoga niaraka tamin' izay Jesosy ka nampianatra. **22** Dia talanjona ny olona tamin' ny fampianarany, satria nampianatra azy tahaka izay manana fahefana Izy, fa tsy mba tahaka ny mpanora-dalàna. **23** Ary niaraka tamin' izay dia nisy olona teo amin' ny synagogany, izay azon' ny fanahy maloto; ary niantso mafy ralehilahy **24** ka nanao hoe: Moa mifaninona akory izahay sy Hianao, ry Jesosy avy any Nazareta? Avy handringana anay va Hianao? Fantatro fa Ilay Masin' Andriamanitra Hianao. **25** Ary Jesosy niteny mafy azy ka nanao hoe: Mangìna ianao ka mivoaha aminy. **26** Ary ny fanahy maloto nampifanintontsintona ny tenan' ilay marary, dia niantso tamin' ny feo mahery ka niala taminy. **27** Dia gaga ny olona rehetra ka nifanontany hoe: Manao ahoana re izao zavatra izao? Fampianarana vaovao misy fahefana izao! fa ny fanahy maloto aza no didiany, ka dia manaiky Azy. **28** Ary ny lazany dia niely niaraka tamin' izay teny tontolo eny tamin' ny tany rehetra eran' i Galilia. **29** Ary niaraka tamin' izay, raha nivoaka avy tao amin' ny synagoga izy, dia niditra tao an-tranon' i Simona sy Andrea Jesosy ary Jakoba sy Jaona. **30** Ary ny rafozambavin' i Simona nandry teo nanavin' ny tazo; ary niaraka tamin' izay dia nilaza azy taminy izy ireo. **31** Dia nanatona Jesosy ka nandray ny tànany ary nanarina azy; dia afaka ny tazony, ka dia nanompo azy izy. **32** Ary nony hariva ny andro, ka nilentika ny masoandro, dia nentina tany aminy ny marary rehetra sy ny demoniaka. **33** Ary ny tao antanàna rehetra dia tafangona teo anoloan' ny varavarana avokoa. **34** Ary nahasitrana olona maro izay nararin' ny aretina samy hafa Izy sady namoaka demonia maro; ary tsy navelany hiteny ny demonia, satria nahafantatra Azy ireny. **35** Ary nifoha maraina alina koa Izy, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany. **36** Ary dia nandeha nitady Azy Simona sy ny namany. **37** Ary nahita Azy izy, dia nanao taminy hoe: Ny olona rehetra mitady Anao. **38** Fa hoy kosa Izy taminy: Andeha isika hiala hankany amin' ny tanàna akaiky, mba hitoriako teny any koa; fa izay no nahatongavako. **39** Dia nandeha Izy ka nitori-teny tao amin' ny synagogan' ny olona eran' i Galilia sady namoaka ny demonia. **40** Ary nisy boka nanatona Azy ka nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hoe: Raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy. **41** Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tànany, dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova ianao. **42** Ary niaraka tamin' izay dia niala taminy ny habokany, ka dia nadio izy. **43** Ary namepetra azy mafy Jesosy, dia nampandeha azy niaraka tamin' izay **44** ka nanao taminy hoe: Tandremo tsara mba tsy hisy holazainao na amin' iza na amin' iza; fa mandehana, misehoa amin' ny mpisorona, ka manatera ny fanadiovana anao, izay nandidian' i Mosesy, ho vavolombelona amin' ireo. **45** Nefa lasa ralehilahy ka nilazalaza sy nampiely izany zavatra izany, ka dia tsy nahazo niditra miharihary tao an-tanàna intsony Jesosy; fa nitoetra tany ivelany tamin' ny tany foana Izy, dia nanatona Azy ny olona avy eny tontolo eny.

2 Ary nony niditra tao Kapernaomy indray Izy, rehefa afaka andro vitsivitsy, dia re fa tao an-trano Izy, **2** ka dia tafangona ny maro, ka tsy nisy hitoerana intsony, na dia teny anoloan' ny varavarana aza; ary Izy nitory ny teny taminy. **3** Ary nisy nanatona nitondra ny anankiray mararin' ny paralysisa ho eo aminy, izay nolanjain' efadahy. **4** Ary satria tsy afaka nanakaiky Azy izy noho ny habetsahan' ny vahoaka, dia nanesorany ny tafon' ny trano nitoeran' i Jesosy, ka nony efa voasokatra, dia nampidininy teo ny fandriana izay nandrian' ilay nararin' ny paralysisa. **5** Ary Jesosy, nony nahita ny finoan' ireo, dia nanao tamin' ilay mararin' ny paralysisa hoe: Anaka, voavela ny helokao. **6** Ary nisy mpanora-dalàna sasany nipetraka teo

ka nieritreritra tao am-pony hoe: **7** Nahoana Ilehity no miteny toy izany? Miteny ratsy Izy. Iza no mahavela heloka afa-tsy Iray ihany, dia Andriamanitra? **8** Ary niaraka tamin' izay Jesosy dia nahalala tao am-panahiny fa nieritreritra izany tao am-pony ireo, dia hoy Izy taminy: Nahoana ianareo no mieritreritra izany zavatra izany ao am-ponareo? **9** Iza moa no moramora kokoa, ny manao amin' ilay mararin' ny paralysisa hoe: Voavela ny helokao, sa ny manao hoe: Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka mandehana? **10** Fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak' olona manana fahefana etỳ ambonin' ny tany hamela heloka, dia lazaiko aminao (hoy Izy tamin' ilay mararin' ny paralysisa): **11** Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka modia any an-tranonao. **12** Dia nitsangana izy ka nambeta ny fandriany niaraka tamin' izay ary niala teo anatrehan' ny olona rehetra; dia talanjona izy rehetra ka nankalaza an' Andriamanitra nanao hoe: Tsy mbola nahita izay toy izao izahay. **13** Ary lasa nandeha teny amoron-dranomasina indray Jesosy; ary ny vahoaka rehetra nanatona Azy, ka dia nampianatra azy Izy. **14** Ary nony nandalo Izy, dia nahita an' i Levy, zanak' i Alfeo, nipetraka teo am-pamorian-ketra; ka hoy Izy taminy: Manaraha Ahy. Dia nitsangana izy ka nanaraka Azy. **15** Ary raha nipetraka nihinana tao an-tranony Izy, dia maro ny mpamory hetra sy ny mpanota no niara-nipetraka nihinana tamin' i Jesosy mbamin' ny mpianany; fa nisy maro tao, dia nanaraka Azy izy. **16** Ary ny mpanora-dalàna, izay isan' ny Fariseo, raha nahita fa niara-nipetraka nihinana tamin' ny mpanota sy ny mpamory hetra Izy, dia niteny tamin' ny mpianatra hoe: Miara-mihinana sy misotro amin' ny mpamory hetra sy ny mpanota Izy! **17** Ary raha nahare izany Jesosy, dia nanao taminy hoe: Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary; tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota **18** Ary ny mpianatr' i Jaona sy ny Fariseo nifady hanina tamin' izany; dia avy izy ka nanao tamin' i Jesosy hoe: Nahoana ny mpianatr' i Jaona sy ny mpianatry ny Fariseo no mifady hanina, fa ny mpianatrao kosa tsy mba mifady? **19** Ary Jesosy niteny taminy hoe: Mahay mifady va ny havan' ny mpampakatra raha mbola ao aminy ihany ny mpampakatra? Raha mbola ao aminy ihany ny mpampakatra dia tsy mahay mifady izy. **20** Fa ho avy andro izay hanalana ny mpampakatra hiala ao aminy, ka amin' izany andro izany hifady izy. **21** Tsy misy olona manjaitra tapa-damba tsy mbola voalòna amin' ny lamba tonta; fa raha izany, ny vaovao izay natampina dia handrompitra ny tonta, ka hitatra ny triatra. **22** Ary tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta; fa raha izany, ny divay dia hahatriatra ny siny hoditra, ka dia samy ho very foana ny divay sy ny siny hoditra; fa divay vaovao no ho ao anaty siny hoditra vaovao. **23** Ary nandeha namaky ny tanim-bary tamin' ny Sabata Jesosy; ary ny mpianatra dia nanoty ny salohim-bary teny am-pandehanana. **24** Ary ny Fariseo nanao taminy hoe: Indro, nahoana ireo no manao izay tsy mety amin' ny Sabata? **25** Fa hoy Izy taminy: Tsy mbola novakinareo va ny teny milaza ilay nataon' i Davida, raha reraky ny hanoanana izy mbamin' izay nanaraka azy, **26** fa niditra tao an-tranon' Andriamanitra tamin' ny andron' i Abiatara mpisoronabe izy ka nihinana ny mofo aseho, izay mahadiso raha misy homana izany, afa-tsy ny mpisorona ihany, ary nomeny koa izay nanaraka azy? **27** Ary hoy Izy taminy: Ny Sabata no natao ho ny olona, fa tsy ny olona ho an' ny Sabata. **28** ka dia Tompon' ny Sabata aza ny Zanak' olona.

3 Ary niditra tao amin' ny synagoga indray Jesosy: ary nisy lehilahy anankiray maty tanana teo. **2** Ary nizaha taratra Azy ny olona, na hahasitrana io amin' ny Sabata Izy na tsia, mba hiampanganany Azy. **3** Dia hoy Jesosy tamin' ilay lehilahy maty tanana: Mitsangàna etsy afovoany. **4** Ary hoy koa Izy tamin' ny olona: Inona moa no mety hatao amin' ny Sabata, ny manao soa va, sa ny manao ratsy? ny mamonjy aina va, sa ny mahafaty? Fa tsy nety niteny ny olona. **5** Ary nony nijerijery azy tamin' ny fahatezerana Izy sady nalahelo noho ny hamafin' ny fony, dia hoy Izy tamin-dralehilahy: Ahinjiro ny tananao. Dia nahinjiny, ka sitrana ny tànany. **6** Ary lasa nivoaka ny Fariseo, ka niaraka tamin' izay dia niray tetika tamin' ny Herodiana izy hanohitra an' i Jesosy mba hahafaty Azy. **7** Ary Jesosy mbamin' ny mpianany niala teo ka nankany amin' ny ranomasina; ary nisy olona maro avy tany Galilia nanaraka Azy; ary nisy olona maro koa avy tany Jodia **8** sy Jerosalema sy Edoma sy tany an-dafin' i Jordana ary tamin' ny tany manodidina an' i Tyro sy Sidona nandre izay zavatra nataony, dia nankeo aminy. **9** Ary Izy nilaza tamin' ny mpianany mba hanisy sambokely hiandry Azy noho ny habetsahan' ny vahoaka, fandrao mifanety aminy ireo. **10** Fa efa nahasitrana olona maro Izy, ka dia nifanety taminy mba hanendry Azy izay rehetra nanana aretina. **11** Ary ny fanahy maloto, raha nahita Azy dia niankohoka teo anatrehany ka niantso hoe: Hianao no Zanak' Andriamanitra. **12** Ary nandrara azy mafy Izy tsy hanao izay hahafantarana Azy. **13** Ary niakatra teo an-tendrombohitra Jesosy ka niantso izay tiany hankeo aminy; dia nankeo aminy ireo. **14** Ary nanendry roa ambin' ny folo lahy Izy ho ao aminy sy hirahiny hitori-teny **15** sady hanana fahefana hamoaka ny demonia. **16** Ary Simona dia nomeny anarana hafa koa hoe Petera; **17** ary Jakoba, zanak' i Zebedio, sy Jaona, rahalahin' i Jakoba; izy mirahalahy dia nomeny anarana hafa koa hoe Boaneryjesy, izany hoe Zana-baratra; **18** ary Andrea sy Filipo sy Bartolomeo sy Matio sy Tomasy sy Jakoba, zanak' i Alfeo, sy Tadeo sy Simona Kananeana **19** ary Jodasy Iskariota, ilay namadika Azy. **20** Ary niditra tao an-trano Izy, dia niangona indray ny vahoaka, ka dia tsy nahazo nihinan-kanina akory Izy. **21** Ary ny havany, raha nandre, dia nivoaka hihazona Azy; fa hoy ireo: Efa very saina Izy. **22** Ary ny mpanora-dalàna izay nidina avy tany Jerosalema dia nanao hoe: Manana an' i Belzeboba Izy, sy hoe: Ny lohan' ny demonia no amoahany ny demonia. **23** Ary rehefa niantso ireo hankeo aminy Izy, dia nanao fanoharana taminy hoe: Hataon' i Satana ahoana no famoaka an' i Satana? **24** Fa raha misy fanjakana miady an-trano, dia tsy haharitra izany fanjakana izany. **25** Ary raha misy mpiray trano miady an-trano, dia tsy haharitra izany mpiray trano izany. **26** Ary raha Satana no mitsangana hanohitra ny tenany ka miady an-trano, dia tsy haharitra izy, fa ho rava ny heriny.

27 Kanefa tsy misy olona afaka miditra ao an-tranon' ny mahery ka handroba ny entany, raha tsy afatony aloha ilay mahery, dia vao robainy ny ao an-tranony. **28** Lazaiko aminareo marina tokoa: Hahazo famelan-keloka ny zanak' olombelona amin' ny ota rehetra sy ny fitenenan-dratsy rehetra izay ataony; **29** fa izay miteny ratsy ny Fanahy Masìna kosa dia tsy mahazo famelan-keloka mandrakizay, fa miendrika hohelohina ny amin' ny ota mandrakizay izy; izany no nolazainy, **(aiōn g165, aiōnios g166)** **30** satria ny olona nanao hoe: Azom-panahy maloto Izy. **31** Ary avy ny reniny mbamin' ny rahalahiny ka nijanona teo ala-trano, dia naniraka tao aminy hiantso Azy. **32** Ary ny vahoaka nipetraka manodidina Azy ka nanao taminy hoe: Indreo, ato ala-trano ny reninao sy ny rahalahinao mitady Anao. **33** Ary Izy namaly azy ka nanao hoe: Iza no reniko sy rahalahiko? **34** Ary nony nijery izay nipetraka manodidina Azy Izy, dia hoy Izy: Indreo ny reniko sy ny rahalahiko! **35** Fa na iza na iza no manao ny sitrapon' Andriamanitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko.

4 Ary nampianatra teo amoron' ny ranomasina indray Jesosy; ary nisy vahoaka betsaka nanatona Azy, dia niditra teo an-tsambokely Izy ka nipetraka teo amin' ny ranomasina; ary ny vahoaka rehetra dia teny an-tanety amoron-dranomasina. **2** Ary nampianatra azy zavatra maro tamin' ny fanoharana Izy ka nilaza tamin' ny fampianarany azy hoe: **3** Mihainoa: Indro, nivoaka ny mpamafy mba hamafy. **4** Ary raha namafy izy, ny sasany dia voafafy teny amoron-dalana, dia avy ny vorona ka nandany izany. **5** Ary ny sasany dia voafafy teny amin' ny tany marivo ambony vatolampy; dia nalaky nitrebona ireny, satria tsy nisy tany lalina. **6** Fa rehefa niposaka ny masoandro, dia nalazo ireny; ary satria tsy nanam-paka, dia maty izy. **7** Ary ny sasany dia voafafy teny amin' ny tsilo; ary ny tsilo naniry ka nangeja azy, dia tsy namoa izy. **8** Ary ny sasany dia voafafy teny amin' ny tany tsara, ary raha naniry sy namoa, dia vokatra, fa namoa: ny sasany avy telo-polo heny, ary ny sasany avy enim-polo heny, ary ny sasany avy zato heny. **9** Ary hoy Izy: Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino. **10** Ary raha tao amin' ny mangingina Izy, dia nanontany Azy ny amin' ny fanoharana ireo nomba Azy mbamin' ny roa ambin' ny folo lahy. **11** Ary hoy Izy taminy: Hianareo no efa nomena ny zava-miafina ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra; fa amin' ireny izay any ivelany kosa ny zavatra rehetra dia atao amin' ny fanoharana; **12** mba hijery mandrakariva ihany izy, fa tsy hahita; ary mba handre mandrakariva ihany izy, fa tsy hahafantatra; fandrao hibebaka izy, ka havela ny helony. **13** Ary hoy Izy taminy: Tsy azonareo va ilay fanoharana teo? koa hataonareo ahoana no fahafantatra ny fanoharana rehetra? **14** Ny mpamafy dia mamafy ny teny. **15** Ary ireto no ilay teo amoron-dalana, dia izay amafazana ny teny, fa rehefa nandre izy, dia avy miaraka amin' izay Satana ka manaisotra ny teny izay nafafy tao aminy. **16** Ary tahaka izany koa, ireto no ilay voafafy teny amin' ny tany marivo ambony vatolampy, dia izay mandre ny teny ka malaky mandray izany amin' ny hafaliana; **17** nefa tsy manam-paka ao anatiny ireny, fa maharitra vetivety foana; koa rehefa afaka izany, ka tonga izay fahoriana na fanenjehana noho ny teny, dia tafintohina miaraka amin' izay izy. **18** Ary misy hafa koa izay voafafy teny amin' ny tsilo, dia ireo no ilay nandre ny teny, **19** fa ny fiahiahiana izao fiainana izao sy ny fitaky ny harena ary ny filàna ny zavatra hafa miditra, dia mangeja ny teny, ka tsy mamoa izy. **(aiōn g165)** **20** Ary ireto no ilay voafafy teny amin' ny tany tsara, dia izay mandre ny teny ka mandray azy dia mamoa: ny sasany avy telo-polo heny, ny sasany avy enim-polo heny, ary ny sasany avy zato heny. **21** Ary hoy Izy taminy: Moa entina va ny jiro mba hosaronan' ny vata famarana, na hatao ao ambanin' ny farafara? Tsy hatao amin' ny fanaovan-jiro va izy? **22** Fa tsy misy takona izay tsy ho hita, na miafina izay tsy haseho. **23** Raha misy olona manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino. **24** Ary hoy Izy taminy: Diniho izay teny renareo; araka ny ohatra anoharanareo ihany no hanoharana ho anareo, ary homena mihoatra aza ianareo. **25** Fa izay manana no homena; ary ny amin' ny tsy manana, na dia izay ananany aza dia halaina aminy. **26** Ary hoy Izy: Toy izao ny fanjakan' Andriamanitra: tahaka ny lehilahy mamafy voa amin' ny tany **27** ka matory sy mahatsiaro isan' alina sy isan' andro; ary ny voa dia mitsimoka ka maniry, nefa tsy fantany ny faniriny **28** Fa ny tany mahavokatra ho azy: voalohany misy tahony, dia teraka, ary rehefa izany, dia feno voa. **29** Fa rehefa azo jinjana izy, dia jinjany miaraka amin' izay, fa efa tonga ny fararano. **30** Ary hoy Izy: Ahoana no hanoharantsika ny fanjakan' Andriamanitra, ary inona no fanoharana hanoharantsika azy? **31** Tahaka ny voantsinapy izy, izay kely noho ny voa rehetra, raha vao afafy amin' ny tany; **32** Fa rehefa voafafy kosa izy, dia maniry ka tonga lehibe noho ny anana rehetra, ary mandrantsana vaventy, ka azon' ny voro-manidina itoerana ny alokalony. **33** Ary fanoharana maro toy izany no nanambarany ny teny taminy, araka izay hainy hohenoina. **34** Ary raha tsy tamin' ny fanoharana dia tsy niteny taminy Izy; ary tamin' ny mangingina no nilazany tamin' ny mpianany ny hevitr' ireo rehetra ireo. **35** Ary androtrizay ihany, rehefa hariva ny andro, dia hoy Izy taminy: Andeha isika hita ho eny am-pita. **36** Ary rehefa nampodin' ny mpianany ny vahoaka, dia nentiny tamin' io sambokely io tamin' izao ihany Jesosy. Ary nisy sambokely sasany koa niaraka taminy. **37** Ary nisy tafio-drivotra mahery, ary nianjerazeran' ny alon-drano ny sambokely ka nila ho feno rano. **38** Ary Jesosy natory teo am-bodin' ny sambokely tambonin' ny ondana; ary namoha Azy izy ireo ka nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, tsy mampaninona Anao va izao hahafatesanay izao? **39** Ary nifoha Izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin' ny ranomasina hoe: Mangìna, mitsahara. Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro. **40** Ary hoy Izy taminy: Nahoana no saro-tahotra ianareo? Tsy mbola manam-pinoana va ianareo? **41** Ary natahotra indrindra izy ireo ka niresaka hoe: Iza moa Ity, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy?

5 Ary tonga teny am-pitan' ny ranomasina tao amin' ny tanin' ny Gerasena izy ireo. **2** Ary nony niala teo

an-tsambokely Izy, niaraka tamin' izay dia nisy lehilahy azom-panahy maloto nivoaka avy teny amin' ny fasana ka nifanena taminy, **3** fa nitoetra tao amin' ny fasana izy; ary tsy nisy olona nahafatotra azy intsony na dia tamin' ny gadra aza. **4** Fa efa nafatony matetika tanin' ny gadra, na ny tànany, na ny tongony; nefa ny gadra tamin' ny tànany notapahiny, ary ny gadra tamin' ny tongony notorotoroiny, ka tsy nisy olona nahafolaka azy. **5** Ary mandrakariva, na andro na alina, dia nitoetra teny amin' ny fasana sy teny an-tendrombohitra izy ka ninananana sady niteti-tena tamin' ny vato. **6** Fa nony nahita an' i Jesosy teny lavitra eny izy, dia nihazakazaka ka niankohoka teo anatrehany **7** sady niantso tamin' ny feo mahery hoe: Moa mifaninona akory izaho sy Hianao, ry Jesosy, Zanak' Andriamanitra Avo Indrindra? Ampianianiko amin' Andriamanitra Hianao, aza mampijaly ahy, **8** satria Jesosy efa nanao taminy hoe: Mivoaha amin' ity lehilahy ity, ry fanahy maloto. **9** Dia nanontany azy Jesosy hoe: Iza moa no anaranao? Ary izy namaly hoe: Legiona no anarako, satria maro izahay. **10** Ary nifona mafy taminy izy mba tsy horoahiny hiala amin' izany tany izany. **11** Ary nisy kisoa maro andiany izay nandrasana teny akaikin' ny tendrombohitra. **12** Ary nifona taminy ireo ka nanao hoe: Alefaso izahay ho any anatin' ny kisoa mba hiditra any aminy. **13** Dia neken' i Jesosy. Ary ny fanahy maloto, rehefa nivoaka, dia niditra tao anatin' ny kisoa; ary ireo kisoa andiany ireo nitratrevatreva teny amin' ny hantsana ho any amin' ny ranomasina (tokony ho roa arivo no isany), ka dia maty tany amin' ny ranomasina izy. **14** Ary ny mpiandry azy dia nandositra ka nilaza tao an-tanàna sy tany an-tsaha. Dia nandeha ny olona mba hizaha izany zavatra izany; **15** ary tonga tany amin' i Jesosy izy ka nahita ilay demoniaka, izay nisy ny legiona, fa indro izy nipetraka nitafy lamba sady ary saina; ka raiki-tahotra ny olona. **16** Ary izay efa nahita dia nilazalaza tamin' ny olona izay natao tamin' ilay demoniaka sy ny amin' ny kisoa. **17** Ary nifona tamin' i Jesosy izy mba hiala amin' ny taniny. **18** Ary rehefa hiondrana teo an-tsambokely Jesosy, dia nangataka taminy ilay demoniaka mba hanaraka Azy. **19** Nefa tsy navelan' i Jesosy izy; fa hoy Izy taminy: Modia ihany any an-tranonao ho any amin' ny havanao, ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon' ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao. **20** Dia nandeha izy ka nitory tany Dekapolisy izay zavatra lehibe efa nataon' i Jesosy taminy; ka dia gaga ny olona rehetra. **21** Ary rehefa nita an-tsambokely indray Jesosy ka tonga teny am-pita, dia nisy vahoaka betsaka tafangona teo aminy; ary teo amoron-dranomasina Izy. **22** Dia avy ny anankiray tamin' ny mpanapaka ny synagoga, Jairo no anarany; ary rehefa nahita an' i Jesosy izy, dia niankohoka teo amin' ny tongony **23** ka niangavy fatratra taminy hoe: Marary efa ho faty ny zanako-vavy kely; andeha re, mametraha ny tananao aminy, mba ho sitrana izy ka ho velona. **24** Dia nandeha niaraka taminy Izy; ary nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy ka nifanety taminy. **25** Ary nisy vehivavy anankiray izay efa narary roa ambin' ny folo taona **26** sady efa niaritra zavatra be tamin' ny mpanao fanafody maro ka nandany ny fananany rehetra, nefa tsy nety sitrana, fa vao mainka nihanarary kokoa aza; **27** koa rehefa nahare ny amin' i Jesosy izy, dia nankeo ivohony namaky ny vahoaka ary nanendry ny lambany. **28** Fa hoy izy: Na dia ny fitafiany ihany aza no voatendriko, dia ho sitrana aho. **29** Ary niaraka tamin' izay dia ritra ny loharanon' aretiny, ka tsaroany tao amin' ny tenany fa sitrana izy. **30** Ary niaraka tamin' izay dia fantatr' i Jesosy fa nisy hery niala taminy, dia nihodina teo afovoan' ny vahoaka Izy ka nanao hoe: Iza izany nanendry ny lambako izany? **31** Fa hoy ny mpianany taminy: Hitanao izao vahoaka mifanety aminao izao, ka hoy Hianao va: Iza no nanendry Ahy? **32** Ary nijery manodidina Izy hizaha ny vehivavy izay efa nanao izany. **33** Fa raiki-tahotra sady tora-kovitra ravehivavy, satria fantany izay natao taminy, ka dia nankeo aminy izy ka niankohoka teo anatrehany ary nanambara taminy ny marina rehetra. **34** Ary hoy Izy taminy: Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao: mandehana soa aman-tsara, ary sitràna amin' ny aretinao. **35** Raha mbola niteny Jesosy, dia nisy tonga avy tany amin' ilay mpanapaka ny synagoga ka nanao hoe: Efa maty ny zanakao-vavy; nahoana ianao no mbola manahirana ny Mpampianatra ihany? **36** Fa tsy nahoan' i Jesosy izany teny nataony izany, fa hoy Izy tamin' ilay mpanapaka ny synagoga: Aza matahotra, minoa fotsiny ihany. **37** Ary tsy nisy olona navelany hanaraka Azy afa-tsy Petera sy Jakoba ary Jaona, rahalahin' i Jakoba. **38** Ary dia tonga tao an-tranon' ilay mpanapaka ny synagoga izy ireo, ka hitan' i Jesosy ny tabataba, dia ny olona izay nitomany sy ninaonaona be ihany. **39** Ary rehefa niditra Izy, dia niteny taminy hoe: Nahoana ianareo no mitabataba sy mitomany? Tsy maty razazavavy, fa matory. **40** Dia nihomehy Azy fatratra ny olona. Fa nandroaka azy rehetra Izy, dia nitondra ny ray aman-drenin-drazazavavy mbamin' izay olona teo aminy ka niditra tao amin' izay nisy an-drazazavavy. **41** Dia nandray ny tànan-drazazavavy Izy ka niteny taminy hoe: Talita komy, izany hoe, raha adika: Ry zazavavy, hoy Izaho aminao: Mitsangàna. **42** Dia nitsangana niaraka tamin' izay razazavavy ka afa-nandeha; fa efa roa ambin' ny folo taona izy. Ary niaraka tamin' izay dia talanjona indrindra ny olona. **43** Ary Jesosy nandrara azy mafy mba tsy ho fantatr' olona izany; ary nasainy nomena hanina razazavavy.

6 Ary niala teo Izy ka tonga tany amin' ny taniny, sady nanaraka Azy ny mpianany. **2** Ary rehefa tonga ny Sabata, dia nampianatra tao amin' ny synagoga Izy; ary maro izay nihaino Azy dia talanjona indrindra ka nanao hoe: Taiza no nahazoan' ilehity izany zavatra izany, ary manao ahoana ny fahendrena nomena Azy sy izao asa lehibe ataon' ny tànany izao? **3** Tsy ilay mpandrafitra, zanak' i Maria, ary rahalahin' i Jakoba sy Josesy sy Jodasy sy Simona va Ilehity? Ary tsy etỳ amintsika va ireo anabaviny? Dia tafintohina taminy izy. **4** Fa ho Jesosy taminy: Tsy misy mpaminany tsy hajaina afa-tsy eo amin' ny taniny sy ny havany ary ny ankohonany ihany. **5** Ary tsy nahazo nampiseho hery akory Izy teo, afa-tsy ny nametraka ny tànany tamin' ny olona marary vitsy foana ka nahasitrana azy. **6** Ary gaga Izy noho ny tsi-finoany. Dia nitety ny vohitra manodidina Izy ka nampianatra. **7** Ary niantso ny roa ambin' ny folo lahy hankeo aminy Izy ka naniraka azy tsiroaroa

sy nanome azy fahefana hamoaka fanahy maloto. **8** Ary nandrara azy Izy mba tsy hitondra zavatra ho any amin' ny halehany, na hanina, na kitapo, na vola ao amin' ny fehin-kibony, afa-tsy tehina ihany. **9** Fa asio kapa ny tongotrareo; ary aza mitondra akanjo roa. **10** Ary hoy koa Izy taminy: Izay trano hidiranareo, dia mitoera ao mandra-pialanareo any. **11** Ary izay tanàna tsy hampandroso anareo, na tsy hihaino anareo, raha miala ianareo, dia ahintsano ny vovoka ao am-paladianareo ho vavolombelona aminy. **12** Dia lasa nandeha izy ireo ka nitory fa tokony hibebaka ny olona. **13** Ary demonia maro no navoakany; ary nohosorany diloilo ny marary maro ka nositraniny. **14** Ary nahare izany Heroda mpanjaka (fa efa nalaza ny anaran' i Jesosy), dia hoy izy: Jaona Mpanao-batisa efa nitsangana tamin' ny maty izay, ka izany no ananany hery hanao ireo asa lehibe ireo. **15** Fa hoy ny sasany: Elia Izy; ary hoy ny sasany: Mpaminany Izy dia toy ny anankiray amin' ny mpaminany. **16** Ary rehefa nahare izany Heroda, dia hoy izy: Jaona izay, ilay notapahiko ny lohany; efa nitsangana izy. **17** Fa Heroda ihany no naniraka sy nisambotra an' i Jaona ka namatotra azy tao an-tranomaizina noho ny amin' i Herodiasy vadin' i Filipo rahalahiny; fa nanambady azy izy. **18** Fa Jaona efa nilaza tamin' i Heroda hoe: Diso ianao, raha manambady ny vadin' ny rahalahinao. **19** Ary Herodiasy dia nanao otri-po taminy ka naniry hahafaty azy, nefa tsy nahazo. **20** Fa Heroda natahotra an' i Jaona, satria fantany fa lehilahy marina sy masìna izy, ka dia niaro azy izy; ary rehefa nandre azy izy, dia very hevitra be ihany; ary nihaino azy tamin' ny hafaliana izy. **21** Ary rehefa tonga izay andro antonona, dia ilay nanaovan' i Heroda fanasana ho an' ny lehibe sy ny mpifehy arivo ary ny loholona tany Galilia tamin' ny andro fahatsiarovana ny nahaterahany, **22** ka niditra ny zanakavavin' i Herodiasy ary nandihy ka nahafaly an' i Heroda mbamin' izay niara-nipetraka nihinana teo aminy, dia hoy ny mpanjaka tamin-drazazavavy: Angataho amiko izay tianao na inona na inona, dia homeko anao. **23** Ary nianiana taminy hoe izy: Na inona na inona hangatahinao amiko dia homeko anao na dia hatramin' ny antsasaky ny fanjakako aza. **24** Dia nivoaka razazavavy ka nanao tamin-dreniny hoe: Inona no hangatahiko? Ary hoy reniny: Ny lohan' i Jaona Mpanao-batisa. **25** Dia niditra faingana niaraka tamin' izay izy ho ao amin' ny mpanjaka ka nangataka hoe: Tiako raha homenao ahy faingana eto an-dovia ny lohan' i Jaona Mpanao-batisa. **26** Dia nalahelo indrindra ny mpanjaka, kanefa noho ny fianianany sy ny olona izay nipetraka nihinana teo, dia tsy sahy nandà azy izy. **27** Ary niaraka tamin' izay ny mpanjaka dia naniraka mpiambina, ka nasainy nentiny ny lohan' i Jaona. Ary dia nandeha izy, ka notapahiny tao an-tranomaizina ny lohany. **28** Dia nentiny teo an-dovia ny lohany ka nomeny an-drazazavavy; ary razazavavy kosa dia nanome azy an-dreniny. **29** Ary rehefa nandre izany ny mpianany, dia tonga ka naka ny faty ary nandevina azy. **30** Ary ny Apostoly niangona teo amin' i Jesosy ka nilaza taminy izay rehetra efa nataony mbamin' izay nampianariny. **31** Ary hoy Jesosy taminy: Avia ianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely (fa maro no nifamoivoy, ka tsy nisy hihinanana aza). **32** Dia nandeha an-tsambokely izy hitokana any an-tany foana. **33** Ary ny olona nahita azy mandeha, sady betsaka no nahalala an' i Jesosy, dia niala avy teny amin' ny tanàna rehetra ny olona ka nihazakazaka nandeha an-tanety, dia tonga talohany. **34** Ary nony niala Jesosy, dia nahita vahoaka betsaka Izy ka onena azy, fa tahaka ny ondry tsy manana mpiandry ireo; dia nampianatra azy zavatra maro Izy. **35** Ary rehefa hariva ny andro, dia nanatona Azy ny mpianany ka nanao hoe: Tany foana ity, ka efa hariva ny andro ankehitriny; **36** ravao ny olona mba hankanesany eny an-tsaha sy eny amin' ny vohitra manodidina hividy hanina ho azy. **37** Fa Izy namaly ka nanao taminy hoe: Omeonareo hanina izy. Fa hoy kosa izy ireo taminy: Handeha hividy mofo izay azon' ny denaria roan-jato va izahay, ka homenay azy hohaniny? **38** Fa hoy Izy taminy: Misy mofo firy any aminareo? Andeha, izahao. Ary rehefa fantany, dia hoy izy: Dimy sy hazandrano roa. **39** Dia nasain' i Jesosy nampipetraka ny olona rehetra hatao an-tokotokony eny ambonin' ny ahi-maitso izy. **40** Dia nipetraka an-tokony zato sy dimam-polo avy ny olona. **41** Ary rehefa voarain' i Jesosy ny mofo dimy sy ny hazandrano roa, dia niandrandra ny lanitra Izy ka nisaotra, dia novakiny ny mofo ka natolony ny mpianatra mba harosony eny anoloan' ny olona; ary ny hazandrano roa nozarainy tamin' ny olona rehetra. **42** Ary samy nihinana avokoa ny olona rehetra ka voky. **43** Ary nangoniny izay sombintsombin' ny mofo sy ny hazandrano, ka dia nahafeno harona roa ambin' ny folo. **44** Ary izay nihinana ny mofo dia dimy arivo lahy. **45** Ary niaraka tamin' izay Jesosy dia nanery ny mpianany hiondrana an-tsambokely hita hialoha ho any Betsaida, mandra-pandràvany ny vahoaka. **46** Ary rehefa nanao veloma ny olona Izy, dia lasa nankany an-tendrombohitra hivavaka. **47** Ary nony hariva ny andro, dia efa mby teo ampovoan' ny ranomasina ny sambokely, ary Izy irery ihany no teo an-tanety. **48** Ary nahita azy ireo sahirana nivoy fatratra Izy, fa notohain' ny rivotra: ary tokony ho tamin' ny fiambenana fahefatra amin' ny alina dia nankeny aminy nitsangantsangana tambonin' ny ranomasina Jesosy ka nikasa handalo azy. **49** Ary rehefa hitany nitsangantsangana tambonin' ny ranomasina Izy, dia nataony ho matoatoa, ka niantso mafy izy ireo. **50** Fa izy rehetra samy nahita Azy avokoa, ka dia raiki-tahotra. Ary Izy niteny taminy niaraka tamin' izay ka nanao taminy hoe: Matokia, fa Izaho ihany; aza matahotra. **51** Ary niakatra nankeo aminy teo an-tsambokely Izy; dia nitsahatra ny rivotra, ka dia talanjona izy ireo. **52** Ary tsy fantany ny amin' ny mofo; fa efa mafy ny fony. **53** Ary nony tafita izy, dia tonga teo amin' ny tany Genesareta ka niantsona teo. **54** Ary raha niala teo an-tsambokely izy, dia nahalala an' i Jesosy niaraka tamin' izay ny olona teo **55** ka nihazakazaka tamin' izany tany rehetra izany ary nitondra ny marary tamin' ny fandriana ho any amin' izay reny fa nitoerany. **56** Ary na taiza na taiza no nidiran' i Jesosy, na tao amin' ny vohitra, na tao an-tanàna, na tany an-tsaha, dia napetraka teo an-kianja ny marary, ary ny olona nangataka hanendry na dia ny somotraviavin-dambany ihany aza; ary sitrana izay rehetra nanendry Azy.

7 Ary niangona teo aminy ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna sasany, izay avy tany Jerosalema **2** ka nahita ny mpianatra sasany fa nihinan-kanina tamin' ny tanana tsy madio, izany hoe, tsy voasasa. **3** (Fa ny Fariseo sy ny Jiosy rehetra tsy mba mihinana, raha tsy efa manasa tsara ny tànany, satria mitàna ny fampianarana voatolotry ny razana izy. **4** Ary raha avy any an-tsena, dia tsy mihinana izy, raha tsy misasa aloha. Ary misy fomba maro koa izay noraisiny hotanana, dia ny manasa kapoaka sy famarana mbamin' izay fanaka varahina.) **5** Dia nanontany Azy ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna hoe: Nahoana ny mpianatrao no tsy manaraka ny fampianarana voatolotry ny razana, fa mihinan-kanina amin' ny tanana tsy misasa izy? **6** Fa Jesosy nanao taminy hoe: Marina ny naminanian' Isaia anareo mpihatsaravelatsihy, araka ny voasoratra hoe: Ity firenena ity manaja Ahy amin' ny molony, Fa ny fony kosa lavitra Ahy. **7** Koa foana ny ivavahan' ireo amiko, Raha mampianatra ny didin' olombelona ho fampianarana izy. **8** Mahafoy ny didin' Andriamanitra ianareo ka mitana ny fanaon' ny olona. **9** Ary hoy koa Izy taminy: Hay! tsara ny nahafoizanareo ny didin' Andriamanitra mba hitandremanareo ny fampianarana voatolotra anareo! **10** Fa hoy Mosesy: Manajà ny rainao sy ny reninao, ary koa: Izay miteny ratsy ny rainy sy ny reniny dia hatao maty tokoa. **11** Fa hoy kosa ianareo: Raha misy olona milaza amin' ny rainy na amin' ny reniny hoe: Efa korbana (izany hoe, fanatitra ho an' Andriamanitra) izay rehetra tokony hahazoanao soa avy amiko, **12** dia tsy avelanareo hanao na inona na inona ho an' ny rainy sy ny reniny intsony izy, **13** ka dia foananareo ny tenin' Andriamanitra amin' ny fampianarana voatolotra anareo, izay nasainareo hotandremana; ary zavatra maro mifanahatahaka amin' izany koa no ataonareo. **14** Ary niantso ny vahoaka hankeo aminy indray Izy ka nanao taminy hoe: Mihainoa Ahy ianareo rehetra, ka mahafantara. **15** Fa tsy ny zavatra avy eo ivelany izay miditra ao anatin' ny olona no mahaloto azy; fa izay mivoaka avy ao anatin' ny olona no mahaloto azy. **17** Ary rehefa niala teo amin' ny vahoaka Izy ka niditra tao an-trano, dia nanontany Azy ny mpianany ny amin' izany fanoharana izany. **18** Ary hoy Izy taminy: Hay! ianareo koa aza mba tsy mahafantatra! Tsy fantatrareo va fa izay rehetra eo ivelan' ny olona ka miditra ao anatiny dia tsy mahaloto azy, **19** satria tsy miditra ao am-pony izany, fa ao an-kibony ihany, ka dia mivoaka ao amin' ny fivoahana; izany no nolazainy mba hahadio ny hanina rehetra. **20** Ary hoy Izy: Izay mivoaka avy ao amin' ny olona, dia izany no mahaloto azy. **21** Fa avy ao anatin' ny olona dia avy ao am-pony, no ivoahan' ny saindratsy, dia ny fijangajangana, ny halatra, ny vonoan-olona, ny fakam-badin' olona, **22** ny fieremana, ny lolom-po, ny fitaka, ny fijejojejoana, ny maso ratsy, ny fitenenan-dratsy, ny avonavona, ny fahadalana: **23** izany zava-dratsy rehetra izany no mivoaka avy ao anatin' ny olona ka mahaloto azy. **24** Ary niala teo Jesosy ka lasa nankany amin' ny sisin-tanin' i Tyro sy Sidona; dia niditra tao an-trano Izy, ary tiany tsy ho fantatry ny olona izany; kanefa tsy nahazo niery Izy. **25** Fa niaraka tamin' izay dia nisy vehivavy anankiray nandre ny aminy (ny zananivavy tanora dia azom-panahy maloto), dia nankao ka niankohoka tamin' ny tongony. **26** Ary jentilisa ravehivavy, avy amin' ny firenena Syro-foinika; dia nangataka taminy izy mba hamoaka ny demonia amin' ny zananivavy. **27** Fa hoy Jesosy taminy: Aoka ho voky aloha ny zaza; fa tsy mety raha maka ny mofon-jaza ka manipy azy ho an' ny amboakely. **28** Fa ravehivavy namaly ka nanao taminy hoe: Eny, Tompoko; kanefa na dia ny amboakely ao ambanin' ny latabatra aza dia mba mihinana ny sombintsombin' ny mofon-jaza ihany. **29** Dia hoy Jesosy taminy: Noho izany teny izany mandehana ianao; efa nivoaka tamin' ny zanakao-vavy ny demonia. **30** Ary raha tonga tao an-tranony ravehivavy, dia hitany nandry teo ambonin' ny farafara ny zananivavy, ary ny demonia efa nivoaka taminy. **31** Ary Jesosy niala indray tamin' ny sisin-tanin' i Tyro, dia namaky an' i Sidona sy ny tany Dekapolisy ka nankany amoron' ny Ranomasin' i Galilia. **32** Ary nisy marenina sady raiki-dela anankiray nentiny tany aminy, ka nangataka taminy ireo mba hametrahany tanana. **33** Ary nitondra an-dralehilahy nitanila niala teo amin' ny vahoaka Izy, dia nangarona ny sofiny tamin' ny rantsan-tànany, dia nandrora ka nanendry ny lelany; **34** ary niandrandra ny lanitra Izy, dia nisento ka nanao taminy hoe: Efata, izany hoe: Maladia. **35** Dia nalady ny sofiny, sady voavaha ny fatoran' ny lelany, ka dia nahateny tsara izy. **36** Ary nandrara ny olona teo Jesosy mba tsy hilazalaza na amin' iza na amin' iza; fa na dia norarany aza izy, dia vao mainka nampiely izany bebe kokoa. **37** Dia talanjona indrindra ny olona ka nanao hoe: Tsara ny nanaovany ny zavatra rehetra; fa sady mampahalady ny marenina Izy no mampiteny ny moana.

8 Tamin' izany andro izany, nony betsaka indray ny vahoaka teo sady tsy nanan-kohanina izy, dia nantsoin' i Jesosy hanatona Azy ny mpianany ka nilazany hoe: **2** Mahonena Ahy ireo vahoaka, fa hateloana izay no nitoerany tatỳ amiko, sady tsy manan-kohanina izy; **3** koa raha hampodiko ho any an-tranony mbola tsy nihinana izy, dia ho reraka eny an-dalana, sady avy lavitra ny sasany. **4** Fa ny mpianany namaly Azy hoe: Aiza no hahazoana mofo atỳ an-efitra hahavoky ireto olona ireto! **5** Ary izy nanontany azy hoe: Misy mofo firy any aminareo? Ary hoy ireo: Fito. **6** Dia nasainy nipetraka tamin' ny tany ny vahoaka; ary dia nandray ny mofo fito Izy, ka rehefa nisaotra, dia novakiny ka natolony ny mpianany mba harosony; dia narosony teny anoloan' ny vahoaka izany. **7** Ary nisy hazandrano madinika vitsy tao aminy; ka rehefa nanaovan' i Jesosy fisaorana ireo, dia nasainy naroso teny anoloany koa. **8** Ary nihinana ny olona, ka dia voky; ary nangoniny ny sombintsombiny sisa tsy lany, ka nisy fito sobiky. **9** Ary tokony ho efatra arivo ireo. Dia nampodiny izy. **10** Ary niaraka tamin' izay dia niondrana an-tsambokely Izy mbamin' ny mpianany ka tonga tany amin' ny fari-tanin' i Dalmanota. **11** Ary ny Fariseo nankany, dia niady hevitra taminy ary naka fanahy Azy ka nitady famantarana avy any an-danitra. **12** Ary nisento mafy am-panahy Jesosy ka nanao hoe: Nahoana ity taranaka ity no mitady famantarana? Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy homena famantarana akory ity taranaka

ity. **13** Ary nandao azy Izy, dia niondrana indray ka lasa nankeny am-pita. **14** Ary tsy tsaroan' ireo ny hitondra mofo, ka tsy nisy teo an-tsambokely afa-tsy mofo iray ihany. **15** Dia nananatra azy Izy ka nanao hoe: Mihevera, ka mitandrema ianareo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo sy ny masirasiran' i Heroda. **16** Ary niara-nisaina izy ka nanao hoe: Ny tsy nitondrantsika mofo angaha izany. **17** Ary Jesosy nahalala izany, dia nanao taminy hoe: Nahoana ianareo no miara-misaina, satria tsy manana mofo? Tsy mbola mahazo an-tsaina na mahafantatra va ianareo? Efa mafy va ny fonareo? **18** Mana-maso, fa tsy mahita va ianareo? Ary manan-tsofina, fa tsy mandre va ianareo? Ary tsy mahatadidy va ianareo? **19** Raha ny mofo dimy no novakiko ho an' ny dimy arivo, firy harona moa no sombintsombiny nangoninareo? Hoy ny mpianany taminy: Roa ambin' ny folo. **20** Ary raha ny mofo fito ho an' ny efatra arivo, firy sobiky moa no sombintsombiny nangoninareo? Dia hoy ny mpianany: Fito. **21** Ary hoy Izy taminy: Mbola tsy mahafantatra ihany va ianareo? **22** Ary tonga tany Betsaida izy; ary nisy nitondra lehilahy jamba teo amin' i Jesosy ka nangataka taminy hanendry ilay jamba. **23** Ary nitantana ilay jamba Izy ka nitondra azy teny ivelan' ny tanàna; ary rehefa nororany ny masony, ka napetrany taminy ny tànany, dia nanontaniany hoe izy: Mahita zavatra va ianao? **24** Dia niandrandra ralehilahy ka nanao hoe: Mahita ny olona aho: fa toa hazo ny fijeriko azy, saingy mamindra. **25** Dia napetrany tamin' ny masony indray ny tànany, dia nibanjina ralehilahy ka nahiratra tsara, ary hitany miharihary ny zavatra rehetra. **26** Ary Jesosy nampody azy ho any an-tranony ka nanao hoe: Aza mankao an-tanàna. **27** Ary Jesosy sy ny mpianany dia lasa nankeny amin' ireny tanàna momba an' i Kaisaria-filipo; ary nony teny an-dalana dia nanontany ny mpianany Izy ka nanao taminy hoe: Ataon' ny olona ho iza moa Aho? **28** Ary izy nanao taminy hoe: Jaona Mpanao-batisa; fa hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Anankiray amin' ny mpaminany. **29** Ary Jesosy nanontany azy hoe: Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza? Dia namaly Petera ka nanao taminy hoe: Hianao no Kristy. **30** Ary nandrara azy rehetra Izy mba tsy hilazalaza Azy amin' olona. **31** Dia nampianatra azy Izy fa ny Zanak' olona tsy maintsy hijaly mafy ka holavin' ny loholona sy ny lohan' ny mpisorona ary ny mpanora-dalàna, dia hovonoiny, ary rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy. **32** Ary nahariharinay tsara no filaza izany teny izany. Ary Petera nanohina Azy hitanila kely, dia niteny mafy Azy. **33** Fa Izy nihodina, dia nijery ny mpianany ka niteny mafy an' i Petera hoe: Mankanesa ato ivohoko, ry Satana, satria tsy misaina izay an' Andriamanitra ianao, fa izay an' ny olona. **34** Ary nantsoiny hanatona Azy ny vahoaka mbamin' ny mpianany, dia hoy Izy taminy: Raha misy ta-hanaraka Ahy, dia aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. **35** Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery ary; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko sy ny filazantsara, dia hamonjy izany. **36** Fa inona no soa azon' ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy? **37** Fa inona no homen' ny olona ho takalon' ny ainy? **38** Fa na iza na iza no ho menatra Ahy sy ny teniko amin' ity taranaka sady mijangajanga no manota ity, dia ho menatra azy kosa ny Zanak' olona, raha avy amin' ny voninahitry ny Rainy mbamin' ny anjely masìna.

9 Ary hoy Izy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa: Misy ny sasany eto izay tsy mba hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny fanjakan' Andriamanitra tonga amin' ny hery. **2** Ary nony afaka henemana, Jesosy dia naka an' i Petera sy Jakoba ary Jaona ka nitondra azy nitokana niakatra ho any an-tendrombohitra avo anankiray; dia niova tarehy teo anatrehany Izy, **3** ary ny fitafiany niova nanelatrelatra sady fotsy indrindra, ka tsy misy mpamotsy lamba ambonin' ny tany mahafotsy toy izany. **4** Ary Elia sy Mosesy niseho taminy ka niresaka tamin' i Jesosy. **5** Ary niteny Petera ka nanao tamin' i Jesosy hoe: Raby ô, tsara raha mitoetra eto isika; ary aoka hanao lay telo izahay: ny anankiray ho Anao, ny anankiray ho an' i Mosesy, ary ny anankiray ho an' i Elia. **6** Fa tsy fantany izay havaliny, satria efa raiki-tahotra izy rehetra. **7** Ary nisy rahona niseho nanarona azy; ary dia nisy feo avy tao amin' ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako, Izy no henoy. **8** Ary niaraka tamin' izay, nony nijery manodidina izy ireo, dia tsy nisy hitany intsony na iza na iza afa-tsy Jesosy irery ihany, Izay teo aminy. **9** Ary nony nidina avy teo an-tendrombohitra Izy, dia nandrara azy Jesosy mba tsy hilazalaza amin' olona izay zavatra efa hitany mandra-pitsangan' ny Zanak' olona amin' ny maty. **10** Ary nitana izany teny izany izy ka nifampaka saina ny amin' izay hevitr' izany fitsanganana amin' ny maty izany. **11** Dia nanontany an' i Jesosy izy ka nanao hoe: Lazain' ny mpanora-dalàna fa Elia tsy maintsy ho avy aloha. **12** Ary Izy nanao taminy hoe: Elia dia avy aloha ihany ka mampody ny zavatra rehetra. Ary ahoana kosa no nanoratana ny amin' ny Zanak' olona fa tsy maintsy mijaly mafy Izy ka hatao tsinontsinona? **13** Nefa lazaiko aminareo: Efa tonga Elia, sady nataon' ny olona taminy izay sitraky ny fony araka ny nanoratana azy. **14** Ary nony tonga teo amin' ny mpianatra izy, dia nahita vahoaka betsaka manodidina azy sy mpanora-dalàna niady hevitra taminy. **15** Ary niaraka tamin' izay, nony nahita Azy ny vahoaka rehetra, dia talanjona ka nihazakazaka nanatona sy niarahaba Azy. **16** Ary Izy nanontany azy hoe: Inona no iadianareo hevitra amin' ireto? **17** Ary ny anankiray tamin' ny vahoaka namaly ka nanao hoe: Mpampianatra ô, nentiko ho etỳ aminao ny zanako-lahy, izay azom-panahy moana; **18** ary na aiza na aiza no ahazoany azy, dia ampihinjitrinjiriny izy, ary mandoa vory, dia mikitro-nify sady valaka dia valaka; ary niteny tamin' ny mpianatrao aho mba hamoaka izany; fa tsy hainy. **19** Ary Jesosy namaly azy hoe: Ry taranaka tsy mino, mandra-pahoviana no hitoerako aminareo? Mandra-pahoviana no handeferako aminareo? Ento etỳ amiko izy. **20** Dia nentiny teo aminy izy; fa nony nahita an' i Jesosy izy, dia nampifanintontsintona ny tenany niaraka tamin' izay ny fanahy. Dia lavo tamin' ny tany izy sady nitsinkasinkasina sy nandoa vory. **21** Ary Jesosy nanontany an-drainy hoe: Hoatrinona izay no nahatongavan' izao taminy? Ary hoy izy: Hatry ny fony

izy mbola zaza. **22** Ary nazerany matetika tao anaty afo sy tao anaty rano izy hamonoany azy; fa raha mba misy hainao, dia mamindrà fo aminay, ka vonjeo izahay. **23** Fa hoy Jesosy taminy: Hainao hoe? Ny zavatra rehetra dia hain' ny mino. **24** Ary niaraka tamin' izay dia niantso ny rain-drazazalahy ka nanao hoe: Mino aho; vonjeo mba ho afaka amin' ny tsi-finoako. **25** Ary nony hitan' i Jesosy fa nihazakazaka nanatona azy ny vahoaka, dia niteny mafy ny fanahy maloto Izy ka nanao taminy hoe: Ry fanahy moana sy marenina! Izaho mandidy anao: Mivoaha aminy, ka aza miditra ao anatiny intsony. **26** Ary rehefa ninanananana izy sady nampifanintontsintona mafy ilay zazalahy, dia nivoaka taminy; ary efa toy ny maty, ka dia nataon' ny maro hoe: Maty. **27** Fa Jesosy nandray ny tànany ka nanarina azy; dia nitsangana izy. **28** Ary rehefa tonga tao an-trano Jesosy, dia nanontany Azy mangingina ny mpianany hoe: izahay tsy nahavoaka azy. **29** Ary hoy Izy taminy: Iny karazana iny tsy mba azo avoaka na amin' inona na amin' inona, afa-tsy amin' ny fivavahana ihany. **30** Dia niala teo izy ka nizotra namaky an' i Galilia, ary tsy tian' i Jesosy ho fantatry ny olona izany. **31** Fa nampianatra ny mpianany Izy ka nanao taminy hoe: Ny Zanak' olona dia hatolotra eo an-tànan' ny olona ka hovonoiny; ary rehefa voavono Izy, dia hitsangana rehefa afaka hateloana. **32** Fa izy ireo tsy nahafantatra izany teny izany sady natahotra hanontany Azy. **33** Ary tonga tao Kapernaomy izy; ary rehefa mby tao an-trano Jesosy, dia nanontany ny mpianany hoe: Inona no niadianareo hevitra teny an-dalana? **34** Fa tsy nahateny izy, satria efa niady hevitra teny an-dalana izy ny amin' izay lehibe indrindra. **35** Ary rehefa tafapetraka Jesosy, dia niantso ny roa ambin' ny folo lahy Izy ka nanao taminy hoe: Raha misy te-ho voalohany, dia hatao farany amin' izy rehetra sy ho mpanompo' izy rehetra izy. **36** Ary nandray zaza Izy ka nametraka azy teo afovoany; ary raha notrotroiny ilay zaza, dia hoy Izy tamin' ny mpianany: **37** Na zovy na zovy no mandray zaza iray tahaka itony amin' ny anarako, dia mandray Ahy; ary na zovy na zovy no mandray Ahy, dia tsy mandray Ahy, fa Izay naniraka Ahy. **38** Ary hoy Jaona taminy: Mpampianatra ô, nahita olona anankiray namoaka demonia tamin' ny anaranao izahay, ka noraranay izy, satria tsy nanaraka antsika. **39** Fa hoy Jesosy: Aza mandrara azy; fa tsy misy olona izay hanao asa lehibe amin' ny anarako ka hahateny ratsy Ahy vetivety. **40** Fa izay tsy manohitra antsika dia momba antsika. **41** Fa na iza na iza no manome anareo rano eran' ny kapoaka hosotroinareo, satria an' i Kristy ianareo, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho very ny valim-pitiany. **42** Ary na iza na iza no mahatafintohina na iray aza amin' ireo madinika mino Ahy ireo, dia tsara ho azy, raha anantonana vato lehibe fikosoham-bary ny vozony, ka hatsipy ao anaty ranomasina izy. **43** Ary raha ny tananao no manafintohina anao, tapaho izy; fa tsara ho anao ny hiditra kilemaina any amin' ny fiainana noho ny manana tanana roa, nefa hariana any amin' ny helo, dia any amin' ny afo tsy azo vonoina. **(Geenna g1067)** **45** Ary raha ny tongotrao no manafintohina anao, tapaho izy; fa tsara ho anao ny hiditra mandringa any amin' ny fiainana noho ny manana tongotra roa, nefa hariana any amin' ny helo. **(Geenna g1067)** **47** Ary raha ny masonao no manafintohina anao, esory hiala izy: fa tsara ho anao ny hiditra toka-maso amin' ny fanjakan' Andriamanitra noho ny manana maso roa, nefa hariana any amin' ny helo; **(Geenna g1067)** **48** any ny kankany tsy maty, ary ny afo tsy vonoina. **49** Fa samy ho voasira amin' ny afo izy rehetra. **50** Tsara ny sira, fa raha tonga matsatso izy, inona no ho entinareo mampody ny tsirony? Aoka hisy sira ao anatinareo, ka mihavàna tsara ianareo.

10 Ary niainga niala teo Jesosy, dia tonga tany amin' ny sisin-tanin' i Jodia sy tany an-dafin' i Jordana; ary nisy vahoaka betsaka indray niangona teo aminy; koa araka ny fanaony dia nampianatra azy indray Izy. **2** Ary nisy Fariseo nanatona Ary, dia naka fanahy Azy ka nanontany hoe: Mahazo misao-bady va ny lehilahy? **3** Ary Izy namaly ka nanao taminy hoe: Ahoana no nandidian' i Mosesy anareo? **4** Ary hoy izy: Navelan' i Mosesy hanoratra taratasy fisaoram-bady ny lehilahy ka hisao-bady. **5** Fa hoy Jesosy taminy: Ny hamafin' ny fonareo no nanoratany izany didy izany ho anareo; **6** fa hatramin' ny fony vao nanaovana izao tontolo izao dia lahy sy vavy no nanaovany ny olona. **7** Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin' ny vadiny; **8** ary ho nofo iray izy roroa; ka dia tsy ho roa intsony izy, fa ho nofo iray ihany. **9** Koa izay nakamban' Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin' olona. **10** Ary nony mby tao an-trano, dia nanontany ny amin' izany koa ny mpianatra. **11** Ary hoy izy taminy: Na zovy na zovy no misao-bady ka mampakatra vehivavy hafa, dia mijangajanga ka manala-baraka ny vadiny. **12** Ary raha ravehivavy kosa no misaotra ny lahy ka manambady olon-kafa, dia mijangajanga izy. **13** Ary nisy nitondra zazakely ho eo aminy mba hametrahany tanana; fa ny mpianany niteny mafy ireny. **14** Nefa tezitra Jesosy, raha nahita izany, ka hoy Izy taminy: Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna; fa an' ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra. **15** Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no tsy handray ny fanjakan' Andriamanitra tahaka ny zaza, dia tsy ho tafiditra aminy akory. **16** Ary nitrotro azy Izy, dia nametra-tanana taminy ka nitso-drano azy. **17** Ary nony vao nivoaka nankeny an-dalana Jesosy, dia nisy olona anankiray nihazakazaka nanatona ka nandohalika teo anatrehany ary nanontany Azy hoe: Mpampianatra tsara ô, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay? **(aiōnios g166)** **18** Ary hoy Jesosy taminy: Nahoana Aho no ataonao hoe tsara? Tsy misy tsara afa-tsy Iray ihany, dia Andriamanitra. **19** Fantatrao ny didy hoe: Aza mamono olona, Aza mijangajanga, Aza mangalatra, Aza mety ho vavolombelona mandainga, Aza manambaka, Manajà ny rainao sy ny reninao. **20** Ary hoy izy taminy Mpampianatra ô, izany rehetra izany efa notandremako hatry ny fony aho mbola kely. **21** Ary Jesosy nijery azy tsara, dia tia azy ka nanao taminy hoe: Diso zavatra iray loha ianao; mandehana, amidio izay rehetra anananao ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia hanaraka Ahy. **22** Dia nanjombona terỳ ny tarehiny tamin' izany teny izany, ka niala tamin' alahelo izy, satria nanana

harena be. **23** Ary Jesosy nijery manodidina ka nanao tamin' ny mpianany hoe: Manao ahoana ny hasarotry ny hidiran' ny manan-karena amin' ny fanjakan' Andriamanitra! **24** Ary ny mpianatra dia gaga tamin' ny teniny. Fa Jesosy namaly indray ka nanao taminy hoe: Anaka, manao ahoana ny hasarotry ny hidiran' ny matoky ny harena amin' ny fanjakan' Andriamanitra! **25** Moramora kokoa ny hidiran' ny rameva amin' ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran' ny manan-karena amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **26** Dia talanjona indrindra izy ka nanao taminy hoe: Iza indray no azo hovonjena? **27** Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Raha amin' ny olona, dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin' Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain' Andriamanitra. **28** Ary hoy Petera taminy: Indro, izahay efa nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka Anao. **29** Hoy Jesosy: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy misy olona efa nahafoy trano, na rahalahy, na anabavy, na reny, na ray, na zanaka, na tany, noho ny amiko sy ny filazantsara, **30** ka tsy handray zato heny amin' izao andro ankehitriny izao-dia trano sy rahalahy sy anabavy sy reny sy zanaka sy tany mbamin' ny fanenjehana-ary amin' ny andro ho avy dia fiainana mandrakizay. **(aiōn g165, aiōnios g166)** **31** Nefa maro izay voalohany no ho farany, ary izay farany no ho voalohany. **32** Ary Jesosy sy ny mpianany dia teny an-dalana niakatra ho any Jerosalema, ary Jesosy nandeha eo alohany; dia gaga ny mpianany, ary izay nanaraka Azy dia natahotra. Ary naka ny roa ambin' ny folo lahy indray Izy, dia nilaza taminy izay efa hanjo Azy **33** ka nanao hoe: Indro, miakatra ho any Jerosalema isika; ary ny Zanak' olona hatolotra ho amin' ireo lohan' ny mpisorona sy mpanora-dalàna; ary hohelohiny ho faty Izy ka hatolony amin' ny jentilisa; **34** ary hanao Azy ho fihomehezana ireny sy handrora Azy sy hikapoka Azy ary hahafaty Azy; fa rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy. **35** Ary Jakoba sy Jaona, zanak' i Zebedio, nanatona an' i Jesosy ka nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, tianay mba hataonao aminay izay angatahinay aminao. **36** Ary hoy Izy taminy: Inona moa no tianareo hataoko aminareo? **37** Dia hoy izy mirahalahy taminy: Mba ekeo ny hipetrahanay, ny anankiray ho eo amin' ny ankavananao, ary ny anankiray ho eo amin' ny an-kavianao, any amin' ny voninahitrao. **38** Fa hoy Jesosy taminy: Tsy fantatrareo izay angatahinareo; hainareo va ny hisotro amin' ny kapoaka izay sotroiko, na ny hatao batisa amin' ny batisa izay anaovana Ahy batisa? **39** Dia hoy izy mirahalahy taminy: Hainay ihany. Ary hoy Jesosy taminy: Raha ny kapoaka izay sotroiko, dia hosotroinareo ihany, ary ny batisa izay anaovana Ahy batisa dia hanaovana anareo ihany; **40** fa ny hipetraka eo an-tanako ankavanana na eo an-tanako ankavia kosa, dia tsy Ahy ny hanome izany, fa izay nanamboarana izany no homena. **41** Ary nony nandre izany izy folo lahy, dia tezitra noho ny nataon' i Jakoba sy Jaona izy. **42** Fa Jesosy niantso azy hanatona Azy ka nanao taminy hoe: Fantatrareo fa izay eken' ny jentilisa ho mpanapaka dia mampanompo azy, ary ny lehibeny dia mifehy azy. **43** Fa tsy mba toy izany aminareo; fa na iza na iza no teho lehibe eo aminareo, dia ho mpanompo anareo izy. **44** Ary na iza na iza no te-ho ambony eo aminareo, dia ho mpanompon' izy rehetra. **45** Fa ny Zanak' olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro. **46** Ary tonga tao Jeriko izy; ary raha vao niala tao Jeriko Jesosy mbamin' ny mpianany sy ny vahoaka betsaka, dia nipetraka teo amoron-dalana Bartimeo jamba mpangataka, zanak' i Timeo. **47** Ary nony reny fa, injay! Jesosy avy any Nazareta, dia niantso izy ka nanao hoe: Ry Jesosy, Zanak' i Davida ô, mamindrà fo amiko! **48** Ary maro no niteny mafy azy mba hangina; fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe: Ry Zanak' i Davida ô, mamindrà fo amiko. **49** Ary Jesosy nijanona, dia nanao hoe: Antsoy ilay jamba. Ary ny olona niantso azy ka nanao taminy hoe: Matokia, mitsangàna, miantso anao Izy. **50** Dia nanary ny lambany izy ka niantsambotra nankeo amin' i Jesosy. **51** Ary Jesosy namaly azy hoe: Inona no tianao hataoko aminao? Ary hoy ilay jamba taminy: Rabôny ô, ny mba hampahiratina ny masoko. **52** Ary hoy Jesosy taminy: Mandehana ianao, ny finoanao no efa namonjy anao. Dia nahiratra niaraka tamin' izay ny masony, ka nanaraka an' i Jesosy teny an-dalana izy.

11 Ary raha nanakaiky any Jerosalema tao Betifaga sy Betania any an-tendrombohitra Oliva izy, dia naniraka roa lahy tamin' ny mpianany Jesosy **2** ka nanao taminy hoe: Mankanesa amin' iroa vohitra tandrifinareo iroa; ary raha vao miditra eo ianareo, miaraka amin' izay dia hahita zana-boriky mifatotra, izay tsy mbola nitaingenan' olona; vahao izy, ka ento etỳ. **3** Ary raha misy olona manao aminareo hoe: Ahoana no anaovanareo izao? dia lazao hoe: Misy raharaha analan' ny Tompo azy; dia havelany ho entina etỳ indray miaraka amin' izay izy. **4** Dia nandeha izy ka nahita zana-boriky nifatotra teo ala-trano anilan' ny varavarana teo an-dalana, dia novahany izy. **5** Ary ny olona sasany teo nanao taminy hoe: Ahoana no amahanareo ny zana-boriky? **6** Ary izy nilaza taminy araka izay nolazain' i Jesosy taminy, dia navelan' ny olona handeha izy. **7** Ary nentiny teo amin' i Jesosy ny zana-boriky, dia nataony teo amboniny ny lambany; ary Jesosy nitaingina azy. **8** Ary maro no namelatra ny lambany teny an-dalana; ary ny sasany kosa nampihahaka rantsan-kazo izay efa nalainy tany an-tsaha. **9** Ary izay nandeha teo alohany sy izay nanaraka teo aoriany dia samy niantso hoe: Hosana! Isaorana anie Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah! **10** Hotahina anie ny fanjakana izay avy, dia ny an' i Davida raintsika! Hosana any amin' ny avo indrindra. **11** Ary Jesosy niditra tany Jerosalema ka nankeo an-kianjan' ny tempoly; ary rehefa nijerijery ny zavatra rehetra Izy, sady efa hariva ny andro tamin' izay, dia niala Izy mbamin' ny roa ambin' ny folo lahy ka nankany Betania. **12** Ary nony ampitson' iny, rehefa niala tany Betania izy, dia noana Jesosy. **13** Ary nahatsinjo aviavy anankiray mandravina erỳ lavidavitra Izy, dia nankeo, fa toa hahita voany eo aminy; kanjo nony tonga teo aminy Izy, dia tsy nahita na inona na inona, afa-tsy ravina ihany; fa tsy mbola tonga ny taom-pamoazan' ny aviavy. **14** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Aza misy mihinana voa avy aminao intsony mandrakizay.

Ary ny mpianany nahare izany. **(aiōn g165)** **15** Ary tonga tany Jerosalema izy: ary Jesosy niditra teo an-kianjan' ny tempoly, dia nandroaka izay nivarotra sy izay nividy teo an-kianjan' ny tempoly sady nanjera ny latabatry ny mpanakalo vola sy ny fipetrahan' ny mpivarotra ny voromailala; **16** ary tsy navelany hisy olona hitondra fanaka handeha hamaky ny kianjan' ny tempoly. **17** Dia nampianatra Izy ka nanao taminy hoe: Tsy voasoratra hoe va: Ny tranoko hatao hoe trano fivavahana ho an' ny firenena rehetra?; fa ianareo kosa efa nanao azy ho zohy fieren' ny jiolahy. **18** Ary nahare izany ny lohan' ny mpisorona mbamin' ny mpanora-dalàna, ka dia nitady izay hamonoany Azy; saingy natahotra Azy izy, satria talanjona ny vahoaka rehetra noho ny fampianarany. **19** Ary isan-kariva dia niala tao an-tanàna Izy. **20** Ary nony maraina, raha nandalo izy, dia hitany fa efa nalazo hatramin' ny fakany ilay aviavy. **21** Ary Petera nahatsiahy ka nanao taminy hoe: Raby ô, indro fa efa malazo ilay aviavy nozoninao. **22** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Manàna finoana an' Andriamanitra. **23** Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no hilaza amin' ity tendrombohitra ity hoe: Mifindrà, ka mianjerà any an-dranomasina, ka tsy hiahanahana ao am-pony, fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy, dia ho azony izany. **24** Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin' ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany. **25** Ary raha mitsangana mivavaka ianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamelà ny helony, mba havelan' ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo. **27** Ary tonga tany Jerosalema indray izy; ary raha nitsangantsangana teo an-kianjan' ny tempoly Jesosy, dia nanatona Azy ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna ary ny loholona **28** ka nanao taminy hoe: Fahefana manao ahoana no anaovanao izao zavatra izao? Ary iza no nanome Anao izany fahefana izany hanaovanao izao zavatra izao? **29** Ary Jesosy nanao taminy hoe: Hanontany anareo zavatra iray loha kosa Aho, ka valio Aho; ary dia holazaiko aminareo izay fahefana anaovako izao zavatra izao: **30** Ny batisan' i Jaona avy tany an-danitra va, sa avy tamin' ny olona? Valio Aho. **31** Ary izy ireo niara-nisaina ka nanao hoe: Raha holazaintsika hoe mantsy: Avy tany an-danitra, dia hataony hoe: Nahoana ary no tsy nino azy ianareo? **32** Fa raha holazaintsika hoe kosa: Avy tamin' ny olona, natahotra ny olona izy, satria neken' ny olona rehetra fa mpaminany tokoa Jaona. **33** Dia namaly an' i Jesosy izy ka nanao hoe: Tsy fantatray. Ary Jesosy nanao taminy hoe: Izaho kosa tsy hilaza aminareo izay fahefana anaovako izao zavatra izao.

12 Ary niteny taminy Izy ka nanao fanoharana hoe: Nisy lehilahy anankiray nanao tanim-boaloboka ka namefy azy manodidina sy nihady famiazana ary nanao tilikambo, ka nahofany tamin' olona mpiasa tany izany, dia lasa nankany an-tany hafa izy. **2** Ary nony tonga ny fotoana, dia naniraka mpanompo anankiray izy hankany amin' ny mpiasa tany handray amin' ny vokatry ny tanim-boaloboka. **3** Fa ireo nisambotra ilay mpanompo sady nikapoka azy ka nampiala azy maina. **4** Ary izy naniraka mpanompo anankiray koa ho any aminy indray, fa io koa, dia noratrainy ny lohany, ka nalany baraka izy. **5** Ary naniraka anankiray koa izy, fa io kosa indray dia novonoiny ho faty; ary maro koa no nirahiny, fa ny sasany nokapohiny, ary ny sasany novonoiny ho faty. **6** Ary mbola nanana anankiray izy, dia ny zananilahy malalany, ka nony farany dia naniraka azy hankany aminy izy ka nanao hoe: Hanaja ny zanako izy. **7** Fa izany mpiasa tany izany niresaka hoe: Ity no mpandova; andeha hovonointsika izy, dia ho antsika ny lova. **8** Ary rehefa nisambotra azy izy, dia nahafaty azy sy namoaka azy teo ivelan' ny tanim-boaloboka. **9** Koa ahoana no hataon' ny tompon' ny tanim-boaloboka amin' izany? Ho avy izy, dia handringana ny mpiasa tany, ka homeny olon-kafa ny tanim-boaloboka. **10** Ary tsy mbola novakinareo va izao Soratra Masìna izao: Ny vato izay nolavin' ny mpanao trano, Dia izy no efa natao fehizoro; **11** Avy tamin' i Jehovah izao Ka mahagaga eo imasontsika? **12** Ary nitady hisambotra Azy izy ireo, nefa natahotra ny vahoaka izy, satria fantany fa ny tenany no nolazainy tamin' izany fanoharana izany; dia nandao an' i Jesosy ny olona ka lasa. **13** Ary nirahiny hankeo amin' i Jesosy ny sasany avy tamin' ny Fariseo sy ny Herodiana hamandrika Azy amin' ny teniny. **14** Ary rehefa tonga izy ireo, dia nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, fantatray fa marina Hianao, ka tsy mampaninona Anao ny hevitry ny olona, fa tsy mba mizaha tavan' olona Hianao, fa mampianatra marina ny lalan' Andriamanitra. Mety va ny mandoa vola hetra ho an' i Kaisara, sa tsia? **15** Handoa va izahay, sa tsy handoa? Fa Izy nahalala ny fihatsaram-belatsihiny, ka dia nanao taminy hoe: Nahoana no maka fanahy Ahy ianareo? Itondray denaria etỳ amiko hizahako azy. **16** Dia nitondrany Izy. Ary hoy Izy taminy: An' iza io sary sy soratra io? Ary hoy izy taminy: An' i Kaisara. **17** Dia hoy Jesosy taminy: Aloavy ho an' i Kaisara izay an' i Kaisara, ary ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra. Dia gaga taminy ireny. **18** Ary ny Sadoseo, izay milaza fa tsy misy fitsanganan' ny maty, dia nisy sasany tonga teo aminy ka nanontany Azy hoe: **19** Mpampianatra ô, Mosesy nanoratra ho antsika hoe: Raha misy manan-drahalahy maty momba, ka mbola velona ny vadin' ny maty, dia aoka ny rahalahiny hampakatra azy hiteraka hamelo-maso ny rahalahiny. **20** Nisy fito mirahalahy; ary ny zokiny nampaka-bady, dia maty momba. **21** Ary ny faharoa nampakatra an-dravehivavy, dia maty momba koa; ary ny fahatelo dia toy izany ihany koa. **22** Ary izy fito mirahalahy dia samy maty momba avokoa. Koa faran' izy rehetra dia maty koa ravehivavy. **23** Koa amin' ny fitsanganan' ny maty, ho vadin' iza moa ravehivavy, satria efa samy nanambady azy avokoa izy fito mirahalahy? **24** Ary hoy Jesosy taminy: Tsy izao tsi-fahafantaranareo ny Soratra Masìna sy ny herin' Andriamanitra izao va no mahadiso hevitra anareo? **25** Fa amin' ny hitsanganana amin' ny maty dia tsy hisy hampaka-bady na havoaka hampakarina; fa tahaka ny anjely any an-danitra izy. **26** Ka ny amin' ny hananganana ny maty, tsy mbola novakinareo va ny eo amin' ny bokin' i Mosesy, eo amin' ilay teny milaza ny Voaroy, dia ny nanaovan' Andriamanitra taminy hoe: Izaho no Andriamanitr' i Abrahama sy Andriamanitr'

isaka ary Andriamanitr' i Jakoba? **27** Tsy Andriamanitry ny maty Izy, fa an' ny velona; koa diso indrindra ianareo. **28** Dia nanatona an' i Jesosy ny mpanora-dalàna anankiray, izay efa nahare ny niadiany hevitra tamin' ny Sadoseo ka nahalala fa namaly azy tsara Izy, dia nanontany Azy hoe: Ny didy manao ahoana no voalohany amin' izy rehetra? **29** Ary Jesosy namaly hoe: Ny voalohany dia izao: Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany; **30** koa tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra. **31** Ary ny faharoa dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao. Tsy misy didy hafa lehibe noho ireo. **32** Ary hoy ilay mpanora-dalàna taminy: Marina izany, Tompoko; tsara ny nilazanao fa iray ihany Andriamanitra, ary tsy misy afa-tsy Izy. **33** Ary ny ho tia Azy amin' ny fo rehetra sy ny saina rehetra sy ny hery rehetra, ary ny ho tia ny namana tahaka ny tena, dia mihoatra lavitra noho ny fanatitra hodorana sy ny fanatitra hafa rehetra izany. **34** Ary raha hitan' i Jesosy fa namaly tamim-pahendrena izy, dia hoy Izy taminy: Tsy lavitra ny fanjakan' Andriamanitra ianao. Ary tsy nisy sahy nanontany Azy intsony. **35** Ary Jesosy, raha nampianatra teo an-kianjan' ny tempoly, dia namaly ka nanao hoe: Ahoana no lazain' ny mpanora-dalàna fa Kristy no Zanak' i Davida? **36** Kanefa ny tenan' i Davida dia nampilazain' ny Fanahy Masìna hoe: Jehovah nilaza tamin' ny Tompoko hoe: Mipetraha eo an-tanako ankavanana Ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao. **37** Ny tenan' i Davida manao Azy hoe Tompo, koa ahoana no maha-zanany Azy? Ary ny vahoaka betsaka nihaino Azy tamin' ny hafaliana. **38** Ary hoy Izy amin' ny fampianarany: Mitandrema ny amin' ny mpanora-dalàna izay mazoto mandehandeha miakanjo akanjo lava sy te-hoharabain' olona eny an-tsena, **39** ary tia ny fipetrahana aloha ao amin' ny synagoga sy ny fitoerana aloha ao amin' ny fanasana, **40** ary mandany ny tranon' ny mpitondratena ka manao vavaka lavareny mba ho fiolahana; ireo no hahazo fahamelohana mafimafy kokoa. **41** Ary raha nipetraka tandrifin' ny fandatsahan-drakitra Jesosy, dia nijery ny fandatsaky ny vahoaka tao; ary maro ny mpanankarena nandatsaka be tao. **42** Fa nisy mpitondratena malahelo anankiray kosa tonga teo, ka nandatsaka farantsakely roa an-kevitry ny variroaventy avy. **43** Ary Jesosy niantso ny mpianany hanatona Azy ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izay rehetra nandatsaka tao amin' ny fandatsahan-drakitra. **44** Fa ireo rehetra ireo, dia tamin' ny haben' ny fananany ho nandatsahany tao; fa izy kosa, tamin' ny alahelony no nandatsahany tao izay rehetra nananany, dia ny fivelomany rehetra.

13 Ary nony niala teo an-kianjan' ny tempoly Jesosy, dia hoy ny mpianany anankiray taminy: Mpampianatra ô, akory re ireto vato sy rafitra ireto! **2** Ary Jesosy nanao taminy hoe: Hitanao va ireto rafitra lehibe ireto? Tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana. **3** Ary raha nipetraka teo amin' ny tendrombohitra Oliva tandrifin' ny tempoly Izy, dia nanontany Azy mangingina Petera sy Jakoba sy Jaona ary Andrea hoe: **4** Lazao aminay: Rahoviana no hisy izany? ary inona no ho famantarana, rehefa ho tonga izany rehetra izany? **5** Ary Jesosy nilaza taminy hoe: Mitandrema, fandrao hisy hamitaka anareo. **6** Fa maro no ho avy amin' ny anarako hanao hoe: Izaho no Izy, ka maro no ho voafitany. **7** Ary raha mandre ady sy filazana ady ianareo, dia aza matahotra; tsy maintsy hisy izany, nefa tsy mbola tonga ny farany. **8** Fa hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hitsangana hamely fanjakana; ary hisy horohorontany any amin' ny tany samy hafa, sady hisy mosary; izany no fiandohan' ny fahoriana. **9** Fa mitandrema ianareo, fa hatolotra amin' ny Synedriona sy hokapohina ao amin' ny synagoga ary hitsangana eo anatrehan' ny mpanapaka sy ny mpanjaka noho ny amiko ianareo ho vavolombelona aminy. **10** Ary ny firenena rehetra tsy maintsy hitoriana ny filazantsara aloha. **11** Koa raha mitondra anareo hatolotra izy, dia aza manahy rahateo izay holazainareo; fa izay teny homena anareo' amin' izany ora izany no holazainareo; fa tsy ianareo no hiteny, fa ny Fanahy Masìna. **12** Ary ny rahalahy hanolotra ny rahalahiny ho amin' ny fahafatesana, ary ny ray hanolotra ny zanany; ary ny zanaka hitsangana hanohitra ny rainy aman-dreniny ka hahafaty azy. **13** Ary ho halan' ny olona rehetra ianareo noho ny anarako: fa izay maharitra hatramin' ny farany no hovonjena. **14** Fa raha hitanareo mitsangana amin' izay tsy mety hitsanganany ny fahavetavetan' ny fandravana (aoka hisaina izay mamaky izany), dia aoka handositra ho any an-tendrombohitra izay olona any Jodia. **15** Ary izay ao an-tampon-trano aoka tsy hidina na hiditra haka zavatra ao an-tranony. **16** Ary izay any an-tsaha aoka tsy hiverina haka ny lambany. **17** Ary lozan' ny bevohoka sy ny mitaiza kely amin' izany andro izany! **18** Fa mivavaha ianareo mba tsy ho amin' ny ririnina izany. **19** Fa amin' izany andro izany dia hisy fahoriana izay tsy mbola nisy toy izany hatrizay nanaovan' Andriamanitra izao tontolo izao ka mandraka izao ankehitriny izao, sady tsy hisy intsony. **20** Ary raha tsy nohafohezin' ny Tompo izany andro izany, dia tsy nisy nofo hovonjena; fa noho ny olom-boafidy, izay nofidiny, dia nohafoheziny izany andro izany. **21** Ary amin' izay raha tàhiny misy olona manao aminareo hoe: Indro, etỳ Kristy, na: Indro, erỳ; aza mino ianareo. **22** Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, ka haneho famantarana sy fahagagana hamitahany na dia ny olom-boafidy aza, raha azo atao izany. **23** Fa mitandrema kosa ianareo; indro, efa voalazako taminareo raha-teo ny zavatra rehetra. **24** Fa amin' izany andro izany, raha afaka izany fahoriana izany, ny masoandro hohamaizinina, ary ny volana tsy haneho fahazavana, **25** ary ny kintana hiraraka avy eny amin' ny lanitra, ary hohozongozonina ny hery izay ao amin' ny lanitra. **26** Ary amin' izay ny Zanak' olona dia ho hita avy eo amin' ny rahona amin' ny hery lehibe sy ny voninahitra. **27** Ary amin' izay dia haniraka ny anjely Izy, ary hanangona ny olom-boafidiny avy amin' ny vazan-tany efatra hatramin' ny faran' ny tany ka hatramin' ny faran' ny lanitra. **28** Ary mianara ny fanoharana ny amin' ny aviavy: Raha vao manaroka ny rantsany ka mandravina, dia fantatrareo fa efa

akaiky ny lohataona. **29** Dia tahaka izany koa ianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky eo am-baravarana Izy. **30** Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy mba ho lany ity taranaka ity mandra-pahatongan' izany rehetra izany. **31** Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona. **32** Fa ny amin' izany andro na ora izany dia tsy misy mahalala, na dia ny anjely any an-danitra, ary na dia ny Zanaka aza, afa-tsy ny Ray ihany. **33** Mitandrema, miambena, ka mivavaha; fa tsy fantatrareo izay hihavian' ny fotoana. **34** Izany dia tahaka ny olona nandeha hivahiny, izay nandao ny tranony ka nanome fahefana ny mpanompony, ka samy notolorany ny raharahany avy, ary ny mpiandry varavarana dia nasainy niambina tsara; **35** Koa miambena ianareo, fa tsy fantatrareo izay andro hihavian' ny tompon-trano, na ho hariva, na ho mamatonalina, na ho maneno akoho, na ho maraina, **36** fandrao avy tampoka izy ka mahita anareo matory. **37** Ary izay lazaiko aminareo dia lazaiko amin' ny olona rehetra

14 Rehefa indroa andro no sisa tsy hahatongavan' ny Paska, fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, dia nitady hisambotra an' i Jesosy tamin' ny fitaka ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna mba hamonoany Azy. **2** Nefa hoy izy: Tsy amin' ny andro firavoravoana, fandrao hampitabataba ny vahoaka. **3** Ary nony tany Betania Jesosy tao an-tranon' i Simona boka ka nipetraka nihinana, dia avy ny vehivavy anankiray nitondra tavoara alabastara feno menaka manitra nisy narda saro-bidy indrindra; dia novakiny ny tavoara, ka naidiny tamin' ny lohan' i Jesosy ny menaka. **4** Ary nisy ny sasany tezitra ka nifampilaza hoe: Inona no anton' izao fandaniam-poana ny menaka manitra izao? **5** Fa azo namidy ho lafo tsy omby denaria telonjato iny menaka manitra iny ka homena ny malahelo. Dia tezitra indrindra tamin-dravehivavy ireo. **6** Fa hoy Jesosy taminy: Avelao izy; nahoana ianareo no mampalahelo azy? Asa soa no nataony tamiko. **7** Fa ny malahelo dia eto aminareo mandrakariva, ary na oviana na oviana no tianareo hanaovana soa aminy, dia mahazo manao ianareo; fa Izaho kosa tsy mba ho eto aminareo mandrakariva. **8** Efa nanao izay azony natao izy: namonjy nanosotra ny tenako hanamboarany Ahy halevina izy. **9** Ary lazaiko aminareo marina tokoa: Na aiza na aiza amin' izao tontolo izao no hitoriana ny filazantsara, dia holazaina koa izao nataon-dravehivavy izao mba ho fahatsiarovana azy. **10** Ary Jodasy Iskariota, ilay isan' ny roa ambin' ny folo lahy, dia nankeo amin' ny lohan' ny mpisorona hamadika an' i Jesosy aminy. **11** Ary rehefa nandre izany izy ireo, dia faly ka nanaiky hanome vola azy. Ary Jodasy dia nitady izay andro hahazoany mamadika Azy. **12** Ary tamin' ny voalohan' ny andro fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, izay famonoana ny Paska, dia hoy ny mpianany taminy: Aiza no tianao halehanay hanamboaranay mba hihinananao ny Paska? **13** Dia naniraka roa lahy tamin' ny mpianany Izy ka nanao taminy hoe: Mankanesa any an-tanàna, ary hisy lehilahy mitondra siny feno rano hifanena aminareo; dia manaraha azy. **14** Ary lazao amin' ny tompon' ny trano izay hidirany hoe: Izao no lazain' ny Mpampianatra: Aiza ny efi-trano hiarahako mihinana ny Paska amin' ny mpianatro? **15** Ary izy hanoro anareo efi-trano malalaka ambony rihana izay voaisy fipetrahana sady voavoatra tsara; any no amboary ho antsika. **16** Ary ny mpianatra nandeha, dia tonga tany an-tanàna ka nahita araka izay nolazainy taminy; dia namboatra ny Paska izy. **17** Ary nony hariva ny andro, dia tonga Izy sy ny roa ambin' ny folo lahy. **18** Ary raha nipetraka nihinana izy, dia hoy Jesosy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa ny anankiray aminareo, dia izay iray miara-mihinana amiko, no hamadika Ahy. **19** Dia nalahelo izy, ka samy nanontany Azy tsirairay hoe: Izaho va izany? **20** Ary Izy nanao taminy hoe: Izay anankiray amin' ny roa ambin' ny folo lahy miara-manatsoboka amiko ao anatin' ny lovia no izy. **21** Fa ny Zanak' olona dia mandeha tokoa, araka ny nanoratana Azy, nefa lozan' izay olona hahazoana ny Zanak' olona hatolotra! Tsara ho an' izany olona izany raha tsy ary akory. **22** Ary raha mbola nihinana izy, Jesosy nandray mofo; ka nony efa nisaotra, dia novakiny ka natolony azy ary nataony hoe: Raiso, ity no tenako. **23** Dia nandray kapoaka Izy, ka nony efa nisaotra, dia natolony azy; ka dia nisotroan' izy rehetra izany. **24** Ary hoy Izy taminy: Ity no rako amin' ny fanekena, izay alatsaka hamonjy ny maro. **25** Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy mba hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandre-pihavin' ny andro hisotroako izay vaovao any amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **26** Ary rehefa nihira fiderana izy, dia lasa nankany an-tendrombohitra Oliva. **27** Ary hoy Jesosy taminy: Ho tafintohina avokoa ianareo rehetra; fa voasoratra hoe: Hamely ny mpiandry Aho, dia hihahaka ny ondry. **28** Fa rehefa mitsangana Aho, dia hialoha anareo ho any Galilia. **29** Fa hoy Petera taminy: Na dia ho tafintohina avokoa aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina. **30** Ary hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminao marina tokoa: Anio, dia amin' ity alina ity, raha tsy mbola misy akoho maneno fanindroany, dia handà Ahy intelo ianao. **31** Fa vao mainka niteny mafy dia mafy izy hoe: Na dia hiaramaty aminao aza aho, tsy mba handà Anao tokoa aho. Ary toy izany koa no nolazain' izy rehetra. **32** Ary tonga tany amin' ny saha izay atao hoe Getsemane izy; dia hoy Jesosy tamin' ny mpianany: Mipetraha eto ianareo mandrapivavako. **33** Ary nitondra an' i Petera sy Jakoba sy Jaona Izy, dia talanjona sady ory indrindra. **34** Ary hoy Izy taminy: Fadiranovana loatra ny fanahiko toy ny efa ho faty; mitoera eto, ka miareta tory. **35** Ary nony nandroso kelikely Izy, dia niankohoka tamin' ny tany ka nivavaka mba hialan' izany ora izany aminy, raha azo atao. **36** Ary hoy Izy: Aba, Raiko ô, ny zavatra rehetra hainao; esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao. **37** Ary avy Izy ka nahita azy ireo matory, dia hoy Izy tamin' i Petera: Ry Simona, matory va ianao? Tsy nahazaka niaritory na dia ora iray ihany aza va ianao? **38** Miareta tory ianareo, ka mivavaha, mba tsy hidiranareo amin' ny fakampanahy; mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manankery. **39** Dia lasa indray Izy ka nivavaka nanao ilay teny teo ihany. **40** Ary nony niverina indray Izy, dia nahita azy matory, fa efa nilondolondo ny masony, ka tsy hitany izay

havaliny Azy. **41** Ary avy fanintelony Izy, dia nanao taminy hoe: Matoria ary ankehitriny, ka mialà sasatra ianareo. Aoka izay; efa tonga ny ora; indro, ny Zanak' olona hatolotra ao an-tànan' ny mpanota. **42** Mitsangàna, andeha isika; indro fa efa akaiky ilay mamadika Ahy. **43** Ary niaraka tamin' izay, raha mbola niteny Izy, dia avy Jodasy, isan' ny roa ambin' ny folo lahy, sady nisy vahoaka niaraka taminy, nitondra sabatra sy langilangy, nirahin' ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna ary ny loholona. **44** Ary ilay hamadika Azy efa nanome famantarana ireo ka nanao hoe: Izay horohako no Izy; sambory Izy ka ento, fa aza avela ho afaka. **45** Ary rehefa tonga izy, dia nanatona an' i Jesosy niaraka tamin' izay ka nanao hoe: Raby ô! dia nanoroka Azy izy. **46** Ary ny olona naninjitra ny tànany taminy ka nisambotra Azy. **47** Ary ny anankiray tamin' izay teo anilany nanatsoaka ny sabany, dia nikapa ny mpanompon' ny mpisoronabe ka nahafaka ny sofiny. **48** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Mivoaka mitondra sabatra sy langilangy hisambotra Ahy toy ny hisambotra jiolahy va ianareo? **49** Teo aminareo isan' andro Aho an-kianjan' ny tempoly, nefa tsy nisambotra Ahy ianareo; fa mba hahatanteraka ny Soratra Masìna izao. **50** Ary samy nandao Azy izy rehetra ka nandositra. **51** Ary nisy zatovo anankiray nanaraka Azy, ka lamba hariry madinika fotsiny ihany no nitafiany, ary nosamborin' ny olona teo izy. **52** Dia navelany teny aminy ny lambany hariry madinika, ka nandositra nitanjaka izy. **53** Ary nitondra an' i Jesosy ho any amin' ny mpisoronabe izy; ary niangona teo aminy ny lohan' ny mpisorona rehetra sy ny loholona ary ny mpanora-dalàna. **54** Ary Petera efa nanaraka Azy teny lavidavitra eny hatrany amin' ny kianjan' ny tranon' ny mpisoronabe; ary niara-nipetraka teo amin' ny mpiandry raharaha izy namindro teo anilan' ny afo. **55** Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny Synedriona rehetra nitady vavolombelona hiampanga an' i Jesosy hamonoany Azy, nefa tsy nahita. **56** Fa maro no niampanga lainga Azy, nefa tsy nifanaraka ny fiampangany. **57** Ary nitsangana ny sasany, dia niampanga lainga Azy nanao hoe: **58** Izahay efa nandre Azy nanao hoe: Izaho handrava ity tempoly nataon-tanana ity, ary amin' ny hateloana dia hanangana hafa izay tsy nataon-tanana Aho. **59** Fa tsy nifanaraka ny filàzany na dia tamin' izany aza. **60** Ary ny mpisoronabe nitsangana nankeo afovoany, dia nanontany an' i Jesosy ka nanao hoe: Tsy mety mamaly akory va Hianao? Inona no iampangan' ireto Anao? **61** Fa tsy niteny Jesosy sady tsy namaly akory. Dia nanontany Azy indray ny mpisoronabe ka nanao taminy hoe: Hianao va no Kristy, Zanaky ny Isaorana? **62** Ary hoy Jesosy: Izaho no Izy; ary ho hitanareo ny Zanak' olona mipetraka eo ankavanan' ny Hery sady avy eo amin' ny rahon' ny lanitra. **63** Ary ny mpisoronabe nandriatra ny fitafiany ka nanao hoe: Ahoana no mbola ilantsika vavolombelona indray? **64** Efa renareo ny fitenenany ratsy; ahoana no hevitrareo? Dia nataon' izy rehetra fa miendrika ho faty Izy. **65** Ary ny sasany nandrora Azy, dia nanarona ny tavany sady namely tahamaina Azy ka nanao hoe: Maminania; ary ny mpiandry raharaha namely tahamaina Azy koa. **66** Ary raha nitoetra teo ambany teo an-kianja Petera, dia avy ny anankiray tamin' ny ankizivavin' ny mpisoronabe; **67** ary nony nahita an' i Petera namindro izy, dia nijery azy ka nanao hoe: Hianao koa nomba an' i Jesosy avy any Nazareta. **68** Fa izy nandà ka nanao hoe: Tsy fantatro sy tsy azoko ny teninao. Dia niala ho eo am-bavahady izy, ary nisy akoho naneno. **69** Ary ilay ankizivavy nahita azy indray, dia niteny tamin' izay teo anilany hoe: Io lehilahy io mba naman' ireny; **70** fa izy nandà indray. Ary nony afaka kelikely, izay teo anilany koa dia nilaza tamin' i Petera hoe: Naman' ireo tokoa ianao; fa Galiliana ianao. **71** Dia niozona sy nianiana izy ka nanao hoe: Tsy fantatro izany Lehilahy lazainareo izany. **72** Ary niaraka tamin' izay dia nisy akoho naneno fanindroany. Ary Petera nahatsiaro ny teny izay nolazain' i Jesosy taminy hoe: Raha tsy mbola misy akoho maneno fanindroany, dia handà Ahy intelo ianao. Ary nony nieritreritra izany izy, dia nitomany.

15 Ary niaraka tamin' izay raha vao maraina ny andro, ny lohan' ny mpisorona sy ny loholona sy ny mpanora-dalàna mbamin' ny Synedriona rehetra dia niara-nisaina ary namatotra an' i Jesosy ka nitondra Azy, dia nanolotra Azy teo amin' i Pilato. **2** Ary Pilato nanontany Azy hoe: Hianao va no Mpanjakan' ny Jiosy? Ary Izy namaly ka nanao taminy hoe: Voalazanao. **3** Ary ny lohan' ny mpisorona niampanga Azy zavatra maro. **4** Ary Pilato dia nanontany Azy indray hoe: Tsy mety mamaly akory va Hianao? He! izao hamaroan' ny zavatra iampangany Anao izao! **5** Fa Jesosy tsy namaly intsony, na dia indraim-bava akory aza, ka dia gaga Pilato. **6** Ary isaky ny avy ny andro firavoravoana dia fanaony ny mandefa mpifatotra iray izay angatahin' ny vahoaka. **7** Ary nisy anankiray ilay atao hoe Barabasy, nifatotra tao mbamin' ny mpikomy sasany, izay efa nahafaty olona tamin' ny fikomiana. **8** Ary ny vahoaka niakatra ka nangataka azy hanao araka izay fanaony aminy. **9** Fa Pilato namaly azy ka nanao hoe: Tianareo va mba ny Mpanjakan' ny Jiosy no halefako ho anareo? **10** Fa fantany fa fialonana no nanoloran' ny lohan' ny mpisorona Azy. **11** Fa ny lohan' ny mpisorona nanome fo ny vahoaka, fa aleo Barabasy no halefan' i Pilato ho azy. **12** Ary Pilato namaly ka nanao taminy indray hoe: Ka inona ary no hataoko amin' ilay ataonareo hoe: Mpanjakan' ny Jiosy? **13** Ary ny vahoaka niantso indray hoe: Homboy amin' ny hazo fijaliana Izy! **14** Ary hoy Pilato taminy: Fa inona moa no ratsy nataony? Nefa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe: Homboy amin' ny hazo fijaliana Izy! **15** Ary Pilato ta-hahazo sitraka tamin' ny vahoaka, ka dia nandefa an' i Barabasy ho azy; fa Jesosy nasainy nokapohina, dia natolony azy mba hohomboana amin' ny hazo fijaliana. **16** Ary ny miaramila nitondra an' i Jesosy ho eo an-kianja, dia ao anati-rova, sady nanangona ny miaramila namany rehetra. **17** Ary dia nampitafy Azy lamba volomparasy izy, sady nandrandrana satroka tsilo, ka nasatrony ny lohany. **18** Ary dia niarahaba Azy hoe izy: Arahaba, ry Mpanjakan' ny Jiosy! **19** Ary dia nikapoka ny lohany tamin' ny volotara izy sady nandrora Azy, dia nandohalika sy niankohoka teo anatrehany. **20** Ary rehefa nanao Azy ho fihomehezana izy, dia nanala ilay lamba volomparasy teny aminy, ka nampitafiny Azy indray ny fitafiany; ary dia nentiny hohomboany amin'

ny hazo fijaliana Izy. **21** Ary Simona Kyreniana (rain' i Aleksandro sy Rofosy) izay nandalo avy tany an-tsaha, no notereny hitondra ny hazo fijalian' i Jesosy. **22** Ary Jesosy dia nentiny teo amin' ny tany Golgota, izany hoe, raha adika, Fitoeran-karan-doha. **23** Dia notolorany divay miharo miora Izy; nefa tsy nety nisotro Izy. **24** Ary rehefa voahombony tamin' ny hazo fijaliana Izy, dia nanaovany loka no fizara ny fitafiany, hahitany izay ho azony avy. **25** Ary tamin' ny ora fahatelo no nanomboany tamin' ny hazo fijaliana. **26** Ary ny soratra milaza ny nanamelohana Azy dia voasoratra teo amboniny hoe: MPANJAKAN' NY JIOSY. **27** Ary nisy jiolahy roa nohomboany tamin' ny hazo fijaliana koa, ny anankiray teo amin' ny ankavanany, ary ny anankiray teo amin' ny ankaviany. **29** Ary izay nandalo niteny ratsy Azy sady nihifikifi-doha ka nanao hoe: Hià! ry Ilay maharava ny tempoly sy mahatsangana azy amin' ny hateloana, **30** vonjeo ny tenanao, ka midìna hiala amin' ny hazo fijaliana. **31** Ary toy izany koa no faneson' ny lohan' ny mpisorona, fa niresaka izy sy ny mpanoradalàna nanao hoe: Namonjy ny sasany Izy, fa ny tenany tsy hainy vonjena. **32** Aoka Kristy, Mpanjakan' ny Isiraely, hidina hiala amin' ny hazo fijaliana ankehitriny mba ho hitantsika ka hinoantsika. Ary ireo niaraka nohomboana taminy tamin' ny hazo fijaliana dia naneso Azy koa. **33** Ary nony tamin' ny ora fahenina, dia tonga maizina ny tany rehetra, ka naharitra hatramin' ny ora fahasivy izany. **34** Ary tamin' ny ora fahasivy Jesosy dia niantso tamin' ny feo mahery ka nanao hoe: Eloy, Eloy, lamà sabaktany! izay hoe, raha adika: Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no mahafoy Ahy Hianao? **35** Ary ny sasany izay nijanona teo, raha nandre izany, dia nanao hoe: Indro, miantso an' i Elia Izy. **36** Ary ny anankiray nihazakazaka, dia nanatsoboka sipaonjy tamin' ny vinaingitra, ka notohiziny tamin' ny volotara, dia natohony hotsentsefin' i Jesosy, fa hoy izy: Aoka ho hizahantsika, na ho avy hampidina Azy Elia, na tsia. **37** Ary Jesosy niantso tamin' ny feo mahery, dia afaka ny ainy. **38** Ary ny efitra lamba tao amin' ny tempoly dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany. **39** Ary ny kapiteny izay nijanona tandrifiny, raha nahita fa afaka toy izany ny ainy, dia nanao hoe: Marina tokoa fa Zanak' Andriamanitra io Lehilahy io. **40** Ary nisy vehivavy koa nitsinjo teny lavidavitra eny, ary isan' ireny Maria Magdalena sy Salome ary Maria, renin' i Jakoba kely sy Josesy, **41** izay nanaraka Azy ka nanompo Azy, fony Izy tany Galilia, mbamin' ny vehivavy maro koa izay niaraka taminy niakatra tany Jerosalema. **42** Ary nony hariva (satria andro fiomanana ny andro, dia ny andro alohan' ny Sabata), **43** dia avy Josefa avy any Arimatia, lehilahy manan-kaja, izay isan' ny Synedriona sady niandry ny fanjakan' Andriamanitra koa; ary sahy niditra tao amin' i Pilato izy ka nangataka ny fatin' i Jesosy. **44** Ary gaga Pilato raha maty sahady Jesosy, ka dia niantso ny kapiteny hankao aminy izy ka nanontaniany azy na efa maty ela Izy, na tsia. **45** Ary rehefa nahare tamin' ny kapiteny izy, dia nomeny an' i Josefa ny faty. **46** Ary izy nividy hariry madinika, dia nampidininy ny fatin' i Jesosy ka nofonosiny hariry madinika, ary naleviny tao amin' ny fasana, izay nolavahana tamin' ny vatolampy, dia nanakodia vato ho eo amin' ny varavaran' ny fasana izy. **47** Ary Maria Magdalena sy Maria, renin' i Josesy, dia nijery izay nametrahany Azy.

16 Ary rehefa afaka ny andro Sabata, dia lasa nividy zava-manitra Maria Magdalena sy Salome ary Maria, renin' i Jakoba, mba handeha hanosotra ny fatin' i Jesosy. **2** Ary nony maraina koa tamin' ny voalohan' andro amin' ny herinandro, rehefa niposaka ny masoandro, dia nankany amin' ny fasana izy ireo. **3** Ary niresaka hoe izy: Iza re no hanakodia ny vato ho afaka amin' ny varavaram-pasana hisolo antsika? **4** Fa nony nitraka izy, dia, indro, hitany fa efa voakodia niala ny vato; fa lehibe dia lehibe ny vato. **5** Ary raha niditra tao anatin' ny fasana izy, dia nahita zatovo anankiray nipetraka teo amin' ny ankavanana niakanjo akanjo fotsy, dia talanjona izy. **6** Fa hoy ilay zatovo taminy: Aza talanjona; mitady an' i Jesosy avy any Nazareta, Izay nohomboana tamin' ny hazo fijaliana, ianareo; efa nitsangana Izy; tsy ato Izy; jereo fa teo no nametrahany Azy. **7** Fa mandehana, lazao amin' ny mpianany sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo. **8** Dia nivoaka izy ka lasa nandositra niala tamin' ny fasana, fa tora-kovitra sady talanjona izy; ary tsy mba nilaza na inona na inona tamin' olona izy, satria natahotra. **9 (note: The most reliable and earliest manuscripts do not include Mark 16:9-20.)** [Ary rehefa nitsangana tamin' ny marain' ny andro voalohany amin' ny herinandro Jesosy, dia niseho voalohany tamin' i Maria Magdalena, ilay namoahany demonia fito, Izy. **10** Ary Maria nandeha ka nilaza tamin' ireo efa nomba an' i Jesosy, izay mbola nisaona sy nitomany. **11** Ary izy ireo, na dia nandre aza fa velona Izy sady efa hitan-dravehivavy, dia mbola tsy nety nino ihany. **12** Ary taorian' izany Jesosy dia niseho tamin' ny endrika hafa tamin' ny roa lahy aminy, izay nankany an-tsaha. **13** Ary izy ireo nandeha ka nilaza tamin' ny namany; fa na dia ireo aza tsy ninoany koa. **14** Rehefa afaka izany, dia niseho tamin' ny iraika ambin' ny folo lahy Jesosy, raha nipetraka nihinana ireo; ary izy nanome tsiny azy noho ny tsi-finoany sy ny hamafin' ny fony, satria tsy ninoany ireo efa nahita Azy, rehefa nitsangana Izy. **15** Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin' izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin' ny olombelona rehetra. **16** Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina. **17** Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin' ny anarako izy; hiteny amin' ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; **18** handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin' ny marary izy, dia ho sitrana ireny. **19** Ary Jesosy Tompo, rehefa niteny taminy, dia nampiakarina ho any an-danitra ka nipetraka eo ankavanan' Andriamanitra. **20** Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin' ny famantarana izay nomba azy. Amena.]

Lioka

1 Satria maro no efa nanoratra nandahatra tantara ny amin' ny zavatra izay efa tanteraka tamintsika tokoa, **2** araka izay efa noraisintsika natolotry ny vavolombelona izay sady nahita maso no efa mpitory ny teny hatramin' ny voalohany: **3** dia sitrako koa, rehefa nofotorako tsara ny zavatra rehetra hatramin' ny niandohany, ny hanoratra izany aminao araka ny filaharany, ry Teofilo tsara indrindra, **4** mba hahafantaranao tsara fa mafy orina ny teny izay nampianarina anao. **5** Tamin' ny andron' i Heroda, mpanjakan' i Jodia, nisy mpisorona anankiray atao hoe Zakaria, isan' ny antokon' i Abia; ary ny vadiny dia avy tamin' ny taranak' i Arona, Elizabeta no anarany. **6** Ary samy marina teo anatrehan' Andriamanitra izy mivady sady nitondra tena tsy nanan-tsiny araka ny didy sy ny fitsipika rehetra nomen' ny Tompo. **7** Ary tsy nanan-janaka izy, fa momba Elizabeta; ary samy efa antitra izy mivady. **8** Ary nony nanao raharaham-pisoronana teo anatrehan' Andriamanitra Zakaria araka ny fifandimbiasan' ny antokony, **9** araka ny fanao amin' ny fisoronana, dia anjarany araka ny filokana ny hiditra ao amin' ny tempolin' ny Tompo ka handoro ditin-kazo manitra. **10** Ary ny vahoaka rehetra nitoetra teo ivelany nivavaka tamin' ny ora fandoroana ny ditin-kazo manitra. **11** Ary nisy anjelin' ny Tompo niseho taminy teo ankavanan' ny alitara fandoroana ny ditin-kazo manitra. **12** Ary nony nahita azy Zakaria, dia taitra loatra izy ka raiki-tahotra. **13** Fa hoy ilay anjely taminy: Aza matahotra, ry Zakaria; fa efa nohenoina ny fangatahanao, ka Elizabeta vadinao dia hiteraka zazalahy aminao, ary Jaona no hataonao anarany. **14** Ary ho faly sy ho ravoravo ianao; ary maro no hifaly amin' ny hahaterahany. **15** Fa ho lehibe eo anatrehan' ny Tompo izy ary tsy hisotro divay na toaka sady hofenoina ny Fanahy Masìna hatrany an-kibon-dreniny aza. **16** Ary maro amin' ny Zanak' isiraely no hampodiny amin' i Jehovah Andriamaniny. **17** Ary izy handeha eo alohany amin' ny fanahy sy ny herin' i Elia mba hampody ny fon' ny ray ho amin' ny zanaka, ary ny tsy manoa ho amin' ny fahendren' ny marina, hamboatra firenena voaomana ho an' ny Tompo. **18** Ary hoy Zakaria tamin' ilay anjely: Inona no hahafantarako izany? fa izaho efa antitra, ary efa antitra koa ny vadiko. **19** Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Izaho no Gabriela, izay mitsangana eo anatrehan' Andriamanitra; ary nirahina hiteny aminao aho ka hilaza aminao izany teny mahafaly izany. **20** Koa, indro, ho moana ianao ka tsy hahay miteny ambara-pahatongan' ny andro hisehoan' izany zavatra izany, ho valin' ny tsy ninoanao ny teniko, izay ho tanteraka amin' ny fotoany. **21** Ary ny olona dia niandry an' i Zakaria ka gaga noho izy naharitra ela tao amin' ny tempoly. **22** Kanjo rehefa nivoaka izy, dia tsy nahay niteny taminy; ary dia fantatry ny olona fa efa nahita fahitana tao amin' ny tempoly izy; ary izy nanao baikon' ny moana taminy, ary dia mbola moana ihany. **23** Ary rehefa tapitra ny andro nanaovany fanompoam-pivavahana, dia lasa nody tany an-tranony izy. **24** Ary taorian' izany andro izany dia nitoe-jaza Elizabeta vadiny, dia niery dimy volana izy ka nanao hoe: **25** Izao no nataon' ny Tompo tamiko tamin' ny andro izay nitsinjovany hahafa-tondromaso ahy amin' ny olona. **26** Ary tamin' ny fahenim-bolana dia nirahin' Andriamanitra ny anjely Gabriela ho any an-tanàna anankiray any Galilia atao hoe Nazareta, **27** ho any amin' ny virijina anankiray, izay voafofo ho vadin' ny lehilahy atao hoe Josefa, avy tamin' ny taranak' i Davida; ary ny anaran' ny virijina dia Maria. **28** Ary nony niditra tao aminy ilay anjely, dia nanao hoe: Arahaba, ry ilay nohasoavina, ny Tompo momba anao. **29** Ary taitra loatra izy noho ny teniny ka nieritreritra izay tokony ho hevitr' izany fiarahabana izany. **30** Ary hoy ilay anjely taminy: Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita fitia tamin' Andriamanitra ianao. **31** Ary, indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Jesosy. **32** Izy ho lehibe ka hatao hoe Zanaky ny Avo Indrindra; ary Jehovah Andriamanitra hanome Azy ny seza fiandrianan' i Davida rainy; **33** ary hanjaka amin' ny taranak' i Jakoba mandrakizay Izy; ary ny fanjakany tsy hanam-pahataperana. **(aiōn g165)** **34** Ary hoy Maria tamin' ilay anjely: Hanao ahoana re no hahatanteraka izany, fa tsy mahalala lahy aho? **35** Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Ny Fanahy Masìna ho tonga ao aminao, ary hisy herin' ny Avo Indrindra hanaloka anao; koa ny Masìna Izay hateraka dia hatao hoe Zanak' Andriamanitra. **36** Ary, indro, Elizabeta havanao dia efa mitoe-jaza koa, na dia efa antitra aza; ary efa mandray enina izy izao, izay natao hoe momba. **37** Fa tsy hisy tsy ho tanteraka ny teny rehetra ataon' Andriamanitra. **38** Dia hoy Maria: Inty ny ankizivavin' ny Tompo; aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao. Dia nandao azy ilay anjely. **39** Ary Maria niainga tamin' izany andro izany ka nandeha faingana ho any amin' ny tany havoana, ho ao an-tanàna anankiray any Joda; **40** ary niditra tao an-tranon' i Zakaria izy ka niarahaba an' i Elizabeta. **41** Ary rehefa ren' i Elizabeta ny fiarahaban' i Maria, dia nibitaka ny zaza tao an-kibony; ary nofenoina ny Fanahy Masìna Elizabeta, **42** dia niantso tamin' ny feo mahery hoe izy: Voatahy samy vehivavy ianao, ary voatahy ny hateraky ny kibonao. **43** Avy aiza no ahatongavan' izao amiko, no mba vangian' ny renin' ny Tompoko aho? **44** Fa, indro, raha vao ren' ny sofiko ny feon' ny fiarahabanao, dia nibitaka noho ny hafaliana ny zaza ao an-kiboko. **45** Ary sambatra ianao izay nino; fa hefaina izay zavatra nampilazain' ny Tompo taminao. **46** Ary hoy Maria: Ny foko mankalaza ny Tompo, **47** Ary ny fanahiko efa ravoravo tamin' Andriamanitra, Mpamonjy ahy; **48** Fa efa nijery ny fahambani-toetry ny ankizivaviny Izy. Fa, indro, hatramin' ny ankehitriny dia hataon' ny taranaka rehetra ho sambatra aho. **49** Fa ny Mahery efa nanao zavatra lehibe tamiko; Ary masìna ny anarany. **50** Ary ny famindram-pony dia amin' izay matahotra Azy hatramin' ny taranaka fara mandimby. **51** Nanao asa lehibe tamin' ny sandriny Izy; Nampihahaka ny mpiavonavona tamin' ny fiheveran' ny fony Izy. **52** Nampiala ny lehibe tamin' ny seza fiandrianany Izy, Ary nanandratra ny ambany kosa. **53** Ny noana novokisany soa; Fa ny manan-karena kosa nampialainy maina. **54** Niahy an' isiraely mpanompony Izy, fa nahatsiaro ny famindram-

pony **55** (Araka ny voalazany tamin' ny razantsika), tamin' i Abrahama sy ny taranany mandrakizay. **(aiōn g165)** **56** Ary Maria nitoetra teo amin' i Elizabeta tokony ho telo volana vao nody tany an-tranony. **57** Ary tonga ny andro hahaveloman' i Elizabeta, dia niteraka zazalahy izy. **58** Ary ny niara-monina taminy sy ny havany nandre fa efa nohalehibiazin' ny Tompo ny famindram-pony taminy; dia niara-nifaly taminy ireo. **59** Ary tamin' ny andro fahavalo dia tonga hamora ny zaza izy, ka efa saiky hataony hoe Zakaria araka ny anaran-drainy ny anarany. **60** Fa ny reniny namaly ka nanao hoe: Tsy izany, fa hatao hoe Jaona izy. **61** Fa hoy izy ireo taminy: Tsy misy na dia iray akory aza amin' ny havanao izay manana izany anarana izany. **62** Ary nanao baikon' ny moana tamin' ny rainy iry ireo, izay tokony ho tiany hatao anarany. **63** Ary nangataka fàfana izy ka nanoratra hoe: Jaona no anarany. Dia gaga avokoa izy rehetra. **64** Ary dia nisokatra niaraka tamin' izay ny vavany, ka afaka niteny ny lelany; dia niteny izy ka nidera an' Andriamanitra. **65** Dia raiki-tahotra izay rehetra niara-monina taminy; ary niely teny amin' ny tany havoan' i Jodia rehetra ny lazan' izany rehetra izany. **66** Ary izay rehetra nandre dia nandatsaka izany tam-pony ka nanao hoe: Ho zaza hanao ahoana re io? Fa ny tanan' ny Tompo nomba azy. **67** Ary dia feno ny Fanahy Masìna Zakaria rainy ka naminany hoe: **68** Isaorana anie ny Tompo Andriamanitry ny Isiraely; Fa nitsinjo ny olony Izy ka nanao fanavotana ho azy, **69** Ary nanangana tandro-pamonjena ho antsika Amin' ny taranak' i Davida mpanompony Izy **70** (Araka izay nampilazainy ny mpaminaniny masìna hatramin' ny fahagola), **(aiōn g165)** **71** Dia famonjena antsika amin' ny fahavalontsika, sy amin' ny tànan' izay rehetra mankahala antsika; **72** Manefa famindram-po amin' ny razantsika Izy Sady mahatsiaro ny fanekeny masìna, **73** Dia ny fianianana izay nianianany tamin' i Abrahama razantsika, **74** Hanao izay hahazoantsika hanompo Azy tsy amin-tahotra, Satria afaka amin' ny fahavalontsika isika, **75** Amin' ny fahamasinana sy ny fahamarinana eo anatrehany amin' ny andro rehetra hiainantsika. **76** Ary ianao, ry zaza, dia hatao hoe mpaminanin' ny Avo Indrindra; Fa hialoha eo anatrehan' ny Tompo ianao hamboatra ny lalany. **77** Hanome ny olony ny fahalalam-pamonjena amin' ny famelana ny helony, **78** Noho ny halehiben' ny famindram-pon' Andriamanitsika, izay hiposahan' ny mazava avy any amin' ny avo ho antsika. **79** Hamirapiratra amin' izay mipetraka ao amin' ny maizina sy ao amin' ny aloky ny fahafatesana, Hanitsy ny diantsika ho amin' ny lalam-piadanana. **80** Ary ny zazakely nitombo ka nihahery tam-panahy; ary nitoetra tany an-efitra izy ambara-pahatongan' ny andro nisehoany tamin' ny Isiraely.

2 Ary tamin' izany andro izany dia nisy didy navoak' i Aogosto Kaisara hampanoratra ny anaran' ny vahoaka rehetra amin' ny fanjakany. **2** (Izany no fanoratana voalohany natao fony Kyrenio nanapaka tany Syria.) **3** Dia samy nankany amin' ny tanànany avy izy rehetra mba hosoratana. **4** Ary Josefa koa niakatra avy tany Galilia, dia avy tao an-tanàna Nazareta, hankany Jodia, ho ao an-tanànan' i Davida, iza atao hoe Betlehema (satria avy tamin' ny taranak' i Davida sy ny mpianakaviny), **5** mba hosoratana izy sy Maria fofom-badiny, izay efa bevohoka. **6** Ary raha nitoetra teo Izy, dia tonga ny andro hahavelomany. **7** Ary niteraka ny Lahimatoany izy, dia nohodidininy lamban-jaza ka nampandriny teo amin' ny fihinanam-bilona; fa tsy nisy nitoerany tao an-tranom-bahiny. **8** Ary nisy mpiandry ondry tamin' izany tany izany nitoetra tany an-tsaha nitandrina ny ondriny tamin' ny alina. **9** Ary nisy anjelin' ny Tompo nitsangana teo anilany, ary ny voninahitry ny Tompo nanelatrelatra manodidina azy, ka raiki-tahotra indrindra izy. **10** Ary hoy ny anjely taminy: Aza matahotra; fa, indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an' ny olona rehetra; **11** fa Mpamonjy no teraka ho anareo anie ao an-tanànan' i Davida, dia Kristy Tompo. **12** Ary izao no ho famantarana ho anareo: ianareo hahita Zazakely voahodidina lamban-jaza sady mandry ao am-pihinanam-bilona; **13** Ary nisy anjely maro be avy any an-danitra niseho tampoka niaraka tamin' ilay anjely teo ka nidera an' Andriamanitra nanao hoe: **14** Voninahitra any amin' ny avo Indrindra ho an' Andriamanitra! Ary fiadanana ho etỳ ambonin' ny tany amin' ny olona ankasitrahany. **15** Ary tamin' izany rehefa niala teo aminy ireo anjely ireo ka nankany an-danitra, dia niresaka ireo lehilahy mpiandry ondry ka nanao hoe: Andeha isika hankany Betlehema ka hizaha izany zavatra vao tonga izany, izay nampahafantarin' ny Tompo antsika. **16** Dia nandeha faingana izy ka nahita an' i Maria sy Josefa, ary ny Zazakely nandry teo am-pihinanam-bilona. **17** Ary nony efa nahita izy, dia nampiely izay teny nolazaina taminy ny amin' izany Zaza izany. **18** Ary izay rehetra nandre dia gaga tamin' izay zavatra nolazain' ny mpiandry ondry taminy. **19** Fa Maria kosa nitadidy izany teny rehetra izany ka nieritreritra azy tao am-pony. **20** Ary ny mpiandry ondry niverina nankalaza ny nidera an' Andriamanitra noho ny zavatra rehetra izay reny ny hitany, araka izay nolazaina taminy. **21** Ary rehefa tapitra ny havaloana, ka hoforana ny Zaza, dia nataony hoe Jesosy ny anarany, araka ilay nataon' ny anjely, fony tsy mbola torontoronina tao an-kibo Izy. **22** Ary rehefa tapitra ny andro fidiovany, araka ny lalàn' i Mosesy, dia nitondra Azy niakatra tany Jerosalema izy mba hatolotra ho an' ny Tompo **23** araka ny voasoratra ao amin' ny lalàn' ny Tompo hoe: Ny lahy voalohan-teraka rehetra hatao hoe masìna ho an' i Jehovah. **24** ary mba hanatitra fanatitra araka izay voalaza ao amin' ny lalàn' ny Tompo hoe: domohina roa, na zana-boromailala roa. **25** Ary, indro, nisy lehilahy atao hoe Simeona tao Jerosalema; ary marina sady mpivavaka tsara izany lehilahy izany ka niandry ny fampiononana ny Isiraely; ary ny Fanahy Masìna dia tao aminy. **26** Ary efa nambaran' ny Fanahy Masìna taminy fa tsy hahita fahafatesana izy mandra-pahitany ny Kristin' ny Tompo. **27** Ary nentin' ny Fanahy Masìna niditra teo an-kianjan' ny tempoly izy; ary rehefa nampidirin' ny ray amandreniny Jesosy zaza mba hanaovany araka ny fomban' ny lalàna ny amin' ny zaza, **28** dia nitrotro Azy izy ka nidera an' Andriamanitra nanao hoe: **29** Tompo ô, ankehitriny ny mpanomponao dia alefanao amin' ny fiadanana Araka ny teninao; **30** Fa ny masoko efa nahita ny famonjenao, **31**

Izay namboarinao teo anatrehan' ny firenena rehetra, **32** Dia fahazavana hahazava ny firenena sady voninahitry ny Isiraely olonao. **33** Dia gaga ny ray aman-dreniny noho ny teny nilazana Azy. **34** Ary Simeona nitso-drano azy ireo ka nanao tamin' i Maria, renin' ny Zaza, hoe: Indro, Ity Zaza ity no voatendry ho fandavoana sy ho fananganana ny maro ao amin' ny Isiraely ary ho famantarana holavina **35** ary ny fanahinao aza dia hotsatohana sabatra — mba haseho ny hevitry ny fo maro. **36** Ary nisy mpaminanivavy anankiray, dia Ana, zanakavavin' i Fanoela, avy tamin' ny firenen' i Asera; efa anti-panahy tokoa izy ary efa nitoetra tamin' ny vadiny fito taona taorian' ny naha-virijina azy, **37** ary efa mpitondratena tokony ho efatra amby valo-polo taona; ary tsy niala teo an-kianjan' ny tempoly izy, fa nanompo tamin' ny fifadian-kanina sy ny fivavahana andro aman' alina. **38** Ary nony niditra tamin' izany ora izany izy, dia nisaotra an' Andriamanitra ka nilaza Azy tamin' izay rehetra niandry ny fanavotana tao Jerosalema. **39** Ary rehefa vitany ny zavatra rehetra araka ny lalàn' ny Tompo, dia niverina tany Galilia izy, dia tao Nazareta tanànany. **40** Ary ny Zaza dia nitombo ka nihahery sady feno fahendrena; ary ny fahasoavan' Andriamanitra no tao aminy. **41** Ary ny ray aman-dreniny nankany Jerosalema isan-taona, raha avy ny andro firavoravoana amin' ny Paska. **42** Ary rehefa roa ambin' ny folo taona Jesosy, dia niakatra izy ireo, araka ny fanao amin' ny andro firavoravoana. **43** Ary rehefa tapitra izany andro izany, ka nody izy, Jesosy zaza dia mbola nitoetra tany Jerosalema ihany, nefa tsy fantatry ny ray aman-dreniny izany; **44** ary satria nataony fa niaraka tamin' ny niara-dia taminy Izy, dia nandeha lalana indray andro izy vao nitady Azy tamin' ny havany sy ny olom-pantany. **45** Ary nony tsy nahita Azy izy, dia niverina ho any Jerosalema nitady Azy. **46** Ary rehefa afaka hateloana, dia hitany teo an-kianjan' ny tempoly Izy nipetraka teo afovoan' ny mpampianatra ka nihaino sady nanontany azy. **47** Ary talanjona izay rehetra nandre Azy noho ny fahalalany sy ny famaliany. **48** Ary raha nahita Azy izy, dia talanjona, ka hoy ny reniny taminy: Anaka, nahoana no nanao toy izay taminay Hianao? He! izato alahelon-drainao sy izaho nitady Anao! **49** Fa hoy Izy taminy: Nahoana no nitady Ahy ianareo? tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto an-tranon' ny Raiko Aho? **50** Nefa tsy azon' ireo ny teny izay nolazainy taminy. **51** Ary niara-nidina taminy nankany Nazareta Izy ka nanoa azy. Ary ny reniny nitahiry izany teny rehetra izany tao am-pony. **52** Ary Jesosy nitombo saina sy tena sady nandroso fitia tamin' Andriamanitra sy ny olona.

3 Ary tamin' ny taona fahadimy ambin' ny folo nanjakan' i Tiberia Kaisara, fony Pontio Pilato no governora tany Jodia, ary Heroda no mpanapaka tany Galilia, ary Filipo rahalahiny no mpanapaka ny tany Itoria sy Trakonitisy, ary Lysania no mpanapaka tany Abilena, **2** ary Anasy sy Kaiafa no mpisoronabe, — dia tonga tamin' i Jaona, zanak' i Zakaria, tany an-efitra ny tenin' Andriamanitra. **3** Ary nankany amin' ny tany rehetra any amoron' i Jordana izy nitory ny batisan' ny fibebahana ho famelan-keloka; **4** araka ny voasoratra ao amin' ny bokin' ny tenin' Isaia mpaminany hoe: Injany! misy feon' ny miantso mafy any an-efitra hoe: Amboary ny lalan' i Jehovah, Ataovy mahitsy ny lalan-kalehany. **5** Ny lohasaha rehetra hototofana, Ary ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra haetry, Ary ny meloka hahitsy, Ary ny lalana mikitoantoana hohamarinina; **6** Ary ny nofo rehetra hahita ny famonjen' Andriamanitra. **7** Dia hoy izy tamin' ny vahoaka izay nankeo aminy mba hataony batisa: Ry taranaky ny menarana, iza no nanoro hevitra anareo handositra ny fahatezerana ho avy? **8** Koa mamoaza voa miendrika ny fibebahana; ary aza manao anakampo hoe: Manana an' i Abrahama ho rainay izahay; fa lazaiko aminareo fa Andriamanitra mahay manangana zanaka ho an' i Abrahama avy amin' ireto vato ireto. **9** Ary, indro, efa mipetraka ao amin' ny fototry ny hazo sahady ny famaky; koa ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia hokapohina ka hatsipy any anaty afo. **10** Ary ny vahoaka nanontany an' i Jaona hoe: inona ary no hataonay? **11** Ary namaly izy ka nanao taminy hoe: Izay manana akanjo roa dia aoka hanome ho an' ny tsy manana; ary izay manan-kanina, dia aoka hanao toy izany koa izy. **12** Dia avy koa ny mpamory hetra sasany mba hataony batisa ka nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, inona no hataonay? **13** Ary hoy izy taminy: Aza mampandoa mihoatra noho izay notendrena halainareo. **14** Ary nisy miaramila koa nanontany azy ka nanao hoe: Ary inona kosa no mba hataonay? Dia hoy izy taminy: Aza mitohatoha foana amin' olona, ary aza miampanga lainga, ary mianina amin' ny karamanareo. **15** Fa raha mbola niandry ny olona, ka samy nisaina an' i Jaona tam-pony, na izy no Kristy, na tsia, **16** dia namaly Jaona ka nanao tamin' izy rehetra hoe: Izaho manao batisa anareo amin' ny rano, fa avy Izay mahery noho izaho, ka tsy miendrika hamaha ny fehin-kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin' ny Fanahy Masìna sy ny afo; **17** eny an-tànany ny fikororohany hanadiovany tsara ny no am-pamoloany ka hanangonany ny vary ho any amin' ny sompiny; fa ny akofa sy ny mololo hodorany amin' ny afo tsy azo vonoina. **18** Ary fananarana maro hafa koa no notoriny tamin' ny olona. **19** Fa Heroda mpanapaka, nony nanarin' i Jaona noho ny amin' i Herodiasy, vadin-drahalahiny, sy noho ny ratsy rehetra izay nataony, **20** dia nanidy an' i Jaona tao an-tranomaizina ho fanampin' izany rehetra izany koa. **21** Ary rehefa natao batisa ny vahoaka rehetra, ary Jesosy koa efa natao batisa sy nivavaka, dia nisokatra ny lanitra; **22** ary ny Fanahy Masìna nidina teo amboniny, ka ny endriny dia tahaka ny voromailala; ary nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Hianao no Zanako malalako; Hianao no sitrako. **23** Ary tokony ho efa telo-polo taona Jesosy, raha vao nanomboka ny raharahany, ka natao ho zanak' i Josefa, izay zanak' i Hely, **24** zanak' i Matata, zanak' i Levy, zanak' i Melky, zanak' i Janay, zanak' i Josefa, **25** zanak' i Matitia, zanak' i Amosa, zanak' i Nahoma, zanak' i Esly, zanak' i Nagay, **26** zanak' i Mata, zanak' i Matatia, zanak' i Semey, zanak' i Joseka, zanak' i Joda, **27** zanak' i Joanana, zanak' i Resa, zanak' i Zerobabela, zanak' i Sealtiela, zanak' i Nery, **28** zanak' i Melky, zanak' i Ady, zanak' i Kosama, zanak' i Elmadama, zanak' i Era, **29** zanak' i Jesosy, zanak' i Eliezera, zanak'

i Joreima, zanak' i Matata, zanak' i Levy, **30** zanak' i Simeona, zanak' i Joda, zanak' i Josefa, zanak' i Jonama, zanak' i Eliakima, **31** zanak' i Melea, zanak' i Mena, zanak' i Matata, zanak' i Natana, zanak' i Davida, **32** zanak' i Jese, zanak' i Obeda, zanak' i Boaza, zanak' i Salmona, zanak' i Nahasona, **33** zanak' i Aminadaba, zanak' i Arny, zanak' i Hezrona, zanak' i Fareza, zanak' i Joda, **34** zanak' i Jakoba, zanak' isaka, zanak' i Abrahama, zanak' i Tera, zanak' i Nahora, **35** zanak' i Seroga, zanak' i Reo, zanak' i Palega, zanak' i Ebera, zanak' i Sela, **36** zanak' i Kenana, zanak' i Arpaksada, zanak' i Sema, zanak' i Noa, zanak' i Lameka, **37** zanak' i Metosela, zanak' i Enoka, zanak' i Jareda, zanak' i Mahalalila, zanak' i Kenana, **38** zanak' i Enosa, zanak' i Seta, zanak' i Adama, zanak' Andriamanitra.

4 Ary Jesosy feno ny Fanahy Masìna dia niverina avy tany Jordana, ary nentin' ny Fanahy tany an-efitra efapolo andro Izy **2** ka nalain' ny devoly fanahy. Ary tsy nihinan-kanina akory Izy tamin' izany andro izany, ka rehefa tapitra izany, dia noana Izy. **3** Ary hoy ny devoly taminy: raha Zanak' Andriamanitra Hianao, teneno io vato io mba ho tonga mofo. **4** Fa Jesosy namaly azy ka nanao hoe: Voasoratra hoe: Tsy mofo ihany no hiveloman' ny olona. **5** Ary ny devoly nitondra Azy niakatra, dia naneho Azy indray mipi-maso ny fanjakana rehetra amin' izao tontolo izao. **6** Dia hoy ny devoly taminy: Homeko Anao izao fanapahana rehetra izao mbamin' ny voninahiny, fa efa natolotra ahy izany, ka izay tiako no homeko azy; **7** koa raha hiankohoka eto anatrehako Hianao, dia ho Anao avokoa izany rehetra izany. **8** Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Voasoratra hoe: Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao. **9** Ary nitondra Azy nankany Jerosalema izy, dia nampitoetra Azy teo an-tampon' ny tempoly ka nanao taminy hoe: Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, mivarina any ambany any; **10** fa voasoratra hoe: Izy handidy ny anjeliny ny aminao mba hiaro Anao; **11** Ary eny an-tànany no hitondran' ireo Anao, Fandrao ho tafintohina amin' ny vato ny tongotrao. **12** Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Voalaza hoe: Aza maka fanahy an' i Jehovah Andriamanitrao. **13** Ary rehefa nahatapitra izay fakam-panahy rehetra ny devoly, dia nandao Azy izy aloha. **14** Ary Jesosy niverina tamin' ny herin' ny Fanahy nankany Galilia; dia niely tamin' ny tany rehetra manodidina ny lazany. **15** Ary Izy nampianatra teny amin' ny synagogan' ny olona ka nankalazain' izy rehetra. **16** Dia tonga tao Nazareta, izay nahabe Azy Izy; ary araka ny fanaony dia niditra tao amin' ny synagoga tamin' ny andro Sabata Izy ka nitsangana hamaky teny. **17** Dia natolotra Azy ny bokin' Isaia mpaminany; ary nony namelatra ny boky Izy, dia nahita ny teny voasoratra hoe: **18** Ny Fanahin' i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin' ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin' ny mpifatotra Izy, Sy fampahiratana amin' ny jamba, Hanafaka izay nampahorina, **19** Hitory ny taona ankasitrahan' i Jehovah. **20** Ary rehefa nahorony ny boky ka naveriny tamin' ny mpanao raharaha, dia nipetraka Izy. Ary nandinika Azy ny mason' izay rehetra teo amin' ny synagoga. **21** Ary Jesosy niteny taminy hoe: Androany no efa tanteraka eto anatrehanareo izany soratra izany. **22** Ary izy rehetra nankalaza Azy sady talanjona noho ny tenin' ny fahasoavana naloaky ny vavany, ka hoy izy: Tsy Zanak' i Josefa va Ity? **23** Ary hoy kosa Jesosy taminy: Hataonareo amiko tokoa izao ohabolana izao hoe: Mpanao fanafody, sitrano ny tenanao: izay renay fa nataonao tao Kapernaomy dia mba ataovy eto amin' ny taninao koa. **24** Ary hoy koa Izy: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy misy mpaminany izay ankasitrahana ao amin' ny taniny. **25** Fa lazaiko aminareo marina tokoa: Maro no mpitondratena teo amin' ny Isiraely tamin' ny andron' i Elia, raha nihantona ny andro telo taona sy enim-bolana, ka nisy mosary mafy tamin' ny tany rehetra; **26** nefa tsy mba nirahina ho any amin' ny anankiray tamin' ireo Elia, fa ho any Zarefata any amin' ny tany Sidona ihany, dia ho any amin' izay vehivavy mpitondratena. **27** Ary maro no boka teo amin' ny Isiraely tamin' ny andron' i Elisa mpaminany, nefa tsy mba nisy nodiovina na dia iray akory aza fa Namàna Syriana ihany. **28** Dia tezitra loatra izay rehetra teo amin' ny synagoga, raha nandre izany, **29** ka nitsangana izy, dia nandroaka Azy hiala ao an-tanàna ary nitondra Azy ho any an-tampon' ny havoana niorenan' ny tanàna, mba hazerany amin' ny hantsana. **30** Nefa Izy namaky teo afovoany, ka dia lasa nandeha. **31** Ary nidina tany Kapernaomy, tanàna any Galilia, Jesosy ka nampianatra ny olona tamin' ny Sabata. **32** Dia talanjona ny olona tamin' ny fampianarany, satria nisy fahefana ny teniny. **33** Ary nisy olona tao amin' ny synagoga, izay nanana ny fanahin' ny demonia maloto, dia niantso tamin' ny feo mahery izy **34** ka nanao hoe: Indrisy! moa mifaninona akory izahay sy Hianao, ry Jesosy avy any Nazareta? avy handringana anay va Hianao? Fantatro fa Ilay Masin' Andriamanitra Hianao. **35** Fa Jesosy niteny mafy azy ka nanao hoe: Mangìna ianao, ka mivoaha aminy. Ary ny demonia, nony namotraka azy teo afovoan' ny olona, dia nivoaka taminy, nefa tsy naharatra azy. **36** Ary talanjona avokoa izy rehetra ka niresaka hoe: Manao ahoana izao teny izao! fa amin' ny fahefana sy ny hery no andidiany ny fanahy maloto, dia mivoaka ireo. **37** Ary niely teny amin' ny tany manodidina rehetra ny lazany. **38** Ary nony nitsangana niala tao amin' ny synagoga Jesosy, dia niditra tao antranon' i Simona. Ary azon' ny tazo mafy ny rafozam-bavin' i Simona; ary izy ireo nangataka taminy hahasitrana azy. **39** Dia nitsangana teo akaikiny Izy, ka noteneniny mafy ny tazo, dia niala tamin-dravehivavy izany; ary nitsangana niaraka tamin' izay izy ka nanompo azy ireo. **40** Ary raha nilentika ny masoandro, ny olona rehetra izay nanana marary tamin' ny aretina samy hafa dia nitondra azy teo aminy; ary dia nametra-tanana tamin' izy rehetra tsirairay Izy ka nahasitrana azy. **41** Ary nisy demonia nivoaka tamin' ny maro ka niantso hoe: Hianao no Zanak' Andriamanitra. Nefa norarany ireo ka tsy navelany hiteny, satria nahalala Azy ho Kristy. **42** Ary nony maraina ny andro, dia niala Jesosy ka nankany an-tany foana; ary ny vahoaka nitady Azy, dia nankeo aminy ka te-hihazona Azy mba tsy hialany tao aminy. **43** Fa hoy Izy taminy: Tsy maintsy mitory ny teny soa mahafaly ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra any

amin' ny tanàna hafa koa Aho, satria izany no nanirahana Ahy. **44** Ary Izy nitori-teny tao amin' ny synagoga eran' i Galilia.

5 Ary raha nifanizina taminy ny vahoaka mba hihaino ny tenin' Andriamanitra, dia nijanona teo amoron' ny Farihin' i Genesareta Jesosy; **2** ary nahita sambokely roa nijanona teo an-tsisin' ny farihy Izy; fa ny mpanarato efa niala taminy ka nanasa ny haratony. **3** Ary niditra teo amin' ny sambokely anankiray izay an' i Simona Izy, dia nangataka taminy hihataka kely amin' ny tany. Dia nipetraka teo an-tsambokely Izy ka nampianatra ny vahoaka. **4** Ary rehefa nitsahatra niteny Jesosy, dia hoy Izy tamin' i Simona: Mandrosoa ho any amin' ny lalina, dia alatsaho ny haratonareo hahazoana hazandrano. **5** Fa Simona namaly ka nanao hoe: Tompoko, mandritra ny alina no efa nikelezanay aina, nefa tsy nahazo na inona na inona; kanefa noho ny teninao; dia halatsako ihany ny harato. **6** Ary rehefa nataony izany, dia nahazo hazandrano be dia be izy, ka efa nisy triatra ny haratony. **7** Ary izy nanatsika ny namany, izay teo amin' ny sambokely hafa, mba ho avy hanampy azy. Dia avy ireny, ary nofenoiny ny sambokely roa, ka efa saiky nilentika. **8** Ary rehefa hitan' i Simona Petera izany, dia niankohoka tamin' ny tongotr' i Jesosy izy ka nanao hoe: Tompoko, mialà amiko, fa olo-meloka aho. **9** Fa talanjona izy sy izay rehetra teo aminy noho ny haben' ny hazandrano izay azony. **10** Ary toy izany koa Jakoba sy Jaona, zanak' i Zebedio, izay niombon-draharaha tamin' i Simona. Dia hoy Jesosy tamin' i Simona: Aza matahotra; hatramin' izao ankehitriny izao dia olona kosa no ho azonao. **11** Ary rehefa nampiantsona ny sambokeliny teo an-tanety izy, dia nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka an' i Jesosy. **12** Ary raha tao an-tanàna anankiray Jesosy, indro, nisy lehilahy heniky ny habokana: ary nony nahita Azy io, dia niankohoka ka nitaraina taminy hoe: Tompoko, raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy. **13** Ary Jesosy naninjitra ny tanany, dia nanendry azy ka nanao hoe: Mety Aho; madiova ianao. Ary ny habokany niala taminy niaraka tamin' izay. **14** Ary Jesosy nandrara azy tsy hilaza amin' olona na dia iray akory aza; fa mandehana, hoy Izy, misehoa amin' ny mpisorona, ka manatera ny fanadiovana anao araka ny nandidian' i Mosesy, ho vavolombelona amin' ireo. **15** Fa mainka niely bebe kokoa ny lazany, dia niangona ny vahoaka betsaka hihaino Azy sy hositranina tamin' ny aretiny. **16** Ary niala teo Izy, dia nitoetra tany an-efitra ka nivavaka. **17** Ary tamin' ny andro anankiray, raha nampianatra Jesosy, dia nipetraka teo ny Fariseo sasany sy ny mpampiana-dalàna, izay efa niala tamin' ny tanàna rehetra any Galilia sy Jodia ary tany Jerosalema; ary ny herin' ny Tompo dia tao aminy mba hahasitranany. **18** Ary, indro, nisy nitondra lehilahy tamin' ny fandriana, izay mararin' ny paralysisa, ka nitady izay hampidirany sy hametrahany azy teo anatrehany. **19** Ary satria tsy nahita izay hampidirany azy izy noho ny habetsahan' ny vahoaka, dia niakatra teo an-tampon-trano ka nanesorany ny tafo tanimanga, dia nampidininy ralehilahy mbamin' ny fandriany ho eo afovoan' ny olona, dia teo anatrehan' i Jesosy. **20** Ary raha hitan' i Jesosy ny finoan' ireo, dia hoy Izy: Ralehilahy, voavela ny helokao. **21** Fa ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo niara-nisaina hoe: Iza moa Ity miteny ratsy Ity? Iza no mahavela heloka, afa-tsy Andriamanitra ihany? **22** Fa Jesosy nahafantatra ny eritreriny, dia namaly ka nanao taminy hoe: Nahoana ianareo no mieritreritra ao am-ponareo? **23** Iza moa no moramora kokoa, ny manao hoe va: Voavela ny helokao, sa ny manao hoe: Mitsangàna, ka mandehana? **24** Fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak' olona manana fahefana etỳ ambonin' ny tany hamela heloka — dia hoy Izy tamin' ilay mararin' ny paralysisa: Izaho milaza aminao hoe: Mitsangàna, dia betao ny fandrianao, ary modia any an-tranonao. **25** Ary tamin' izay dia nitsangana teo anatrehan' ny olona izy ka nambeta ny fandriany, dia lasa nody sady nankalaza an' Andriamanitra. **26** Ary talanjona avokoa ny olona rehetra, dia nankalaza an' Andriamanitra sady raiki-tahotra indrindra ka nanao hoe: Efa nahita zavatra mahagaga isika androany. **27** Ary rehefa afaka izany, dia nandeha Jesosy ka nahita mpamory hetra atao hoe Levy, nipetraka teo am-pamorian-ketra; dia hoy Izy taminy: Manaraha Ahy. **28** Ary nahafoy ny zavatra rehetra izy ka nitsangana, dia nanaraka Azy. **29** Ary Levy nanao fanasana lehibe tao an-tranony ho an' i Jesosy; ary nisy mpamory hetra maro sy olon-kafa koa, izay niara-nipetraka nihinana teo aminy. **30** Fa ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna izay teo aminy dia nimonomonona tamin' ny mpianatr' i Jesosy ka nanao hoe: Nahoana ianareo no miara-mihinana sy misotro amin' ny mpamory hetra sy ny mpanota? **31** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary; **32** tsy avy hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota mba hibebaka. **33** Ary hoy izy ireo taminy: Ny mpianatr' i Jaona mifady hanina matetika sy mivavaka, ary ny an' ny Fariseo koa mba tahaka izany ihany, fa ny Anao kosa mihinana sy misotro ihany. **34** Ary hoy Jesosy taminy: Mahay mampifady ny havan' ny mpampakatra va ianareo, raha mbola ao aminy ihany ny mpampakatra? **35** Fa ho avy ny andro; ary rehefa voaisotra ny mpampakatra hiala aminy, dia amin' izany andro izany vao hifady izy. **36** Ary Izy nanao fanoharana taminy koa nanao hoe: Tsy misy olona mandriatra lamba vaovao hanalany tapa-damba hatampina ny lamba tonta; fa raha izany, dia mahatriatra ny vaovao izy, ary ilay tapa-damba nalaina tamin' ny vaovao dia tsy hifanaraka amin' ny tonta. **37** Ary tsy misy olona manisy divay vaovao no anaty siny hoditra tonta; fa raha izany, ny divay vaovao mahatriatra ny siny hoditra, ka ho raraka ny divay, sady ho simba foana ny siny hoditra; **38** Fa ny divay vaovao dia tsy maintsy hatao ao anaty siny hoditra vaovao. **39** Tsy misy olona, rehefa nisotro ny divay ela, no maniry ny vaovao; fa hoy izy: Ny ela no tsara.

6 Ary tamin' ny Sabata anankiray dia nandeha namaky ny tanimbary Jesosy, ary ny mpianany nanoty ny salohim-bary, ka rehefa nokosokosohiny tamin' ny tànany, dia nohaniny. **2** Fa ny Fariseo sasany nanao hoe: Nahoana ianareo no manao izay tsy mety hatao amin' ny Sabata? **3** Ary Jesosy namaly azy ka nanao hoe: Tsy mbola

novakinareo va ny teny milaza ilay nataon' i Davida, raha noana izy mbamin' izay nanaraka azy, **4** fa niditra tao antranon' Andriamanitra izy ka nandray ny mofo aseho ary nihinana sady nanome he an' izay nanaraka azy koa, nefa mahadiso raha misy homana izany, afa-tsy ny mpisorona ihany? **5** Ary hoy Izy taminy: Tompon' ny Sabata ny Zanak' olona. **6** Ary nony tamin' ny Sabata hafa koa niditra tao amin' ny synagoga Jesosy ka nampianatra; ary nisy lehilahy anankiray maty tanana tao. **7** Ary ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo nizaha taratra Azy, na hahasitrana amin' ny Sabata Izy, na tsia, mba hahitany izay hiampangana Azy. **8** Fa Jesosy nahalala ny hevitr' ireo, ka dia niteny tamin-dralehilahy maty tanana hoe: Mitsangàna, ka mijoroa etsy afovoany. Dia nitsangana izy ka nijoro. **9** Ary hoy Jesosy tamin' ireo: Manontany anareo Aho: Moa ny manao soa va no mety hatao amin' ny Sabata, sa ny manao ratsy? ny mamonjy aina va, sa ny mahavery aina? **10** Ary nijery azy rehetra manodidina Izy, dia nanao tamin-dralehilahy hoe: Ahinjiro ny tananao. Dia nataony izany, ka sitrana ny tànany. **11** Dia safotry ny hatezerana izy ireo ka nioko ny amin' izay hanaovany an' i Jesosy. **12** Ary tamin' izany andro izany dia lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary naharitra nivavaka tamin' Andriamanitra nandritra ny alina Izy. **13** Ary nony maraina ny andro, dia nantsoiny hanatona Azy ny mpianany, ka nifidianany roa ambin' ny folo lahy, izay nataony hoe Apostoly, **14** dia Simona, izay nataony hoe koa Petera, sy Andrea rahalahiny, sy Jakoba sy Jaona sy Filipo sy Bartelemeo **15** sy Matio sy Tomasy sy Jakoba, zanak' i Alfeo, sy Simona, izay atao hoe Zelota, **16** sy Jodasy, zanak' i Jakoba, ary Jodasy Iskariota, izay tonga namadika. **17** Ary Jesosy niara-nidina tamin' ireo, dia nijanona teo an-kamarenana Izy sy ny mpianany maro mbamin' ny vahoaka betsaka avy tany Jodia rehetra sy Jerosalema, ary avy tany amoron-dranomasina any Tyro sy Sidona, izay tonga mba hihaino Azy sy hositranina amin' ny aretiny; **18** ary izay nampahorin' ny fanahy maloto dia nositranina. **19** Ary ny vahoaka rehetra nitady hanendry Azy, satria nisy hery niala taminy ka nahasitrana azy rehetra. **20** Ary Jesosy dia nanopy ny masony tamin' ny mpianany ka nanao hoe: Sambatra ianareo malahelo, fa anareo ny fanjakan' Andriamanitra. **21** Sambatra ianareo noana ankehitriny, fa hovokisana ianareo. Sambatra ianareo mitomany ankehitriny, fa hihomehy ianareo. **22** Sambatra ianareo, raha halan' ny olona ka ariany sy haratsiny, ary laviny toy ny zava-dratsy ny anaranareo, noho ny amin' ny Zanak' olona. **23** Mifalia ianareo amin' izany andro izany, ka mibitaha; fa, indro, lehibe ny valim-pitianareo any andanitra; fa izany no nataon' ny razany tamin' ny mpaminany. **24** Fa lozanareo izay manan-karena kosa! fa efa azonareo izay mahafa-po anareo. **25** Lozanareo izay voky ankehitriny! fa mbola ho noana ianareo. Lozanareo izay mihomehy ankehitriny fa mbola be ory sy hitomany ianareo. **26** Lozanareo, raha milaza soa anareo ny olona rehetra! fa izany no nataon' ny razany tamin' ny mpaminany sandoka. **27** Kanefa hoy Izaho aminareo izay mihaino: Tiava ny fahavalonareo; manaova soa amin' izay mankahala anareo; **28** misaora izay manozona anareo, ary mivavaha ho an' izay manisy ratsy anareo. **29** Raha misy mamely ny takolakao anankiray, dia atolory azy koa ny anankiray; ary raha misy maka ny lambanao, aza lavinao na dia ny akanjonao aza. **30** Omeo izay rehetra mangataka aminao; ary raha misy maka ny anananao, dia aza manaraka izany aminy. **31** Ary araka izay tianareo hataon' ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa. **32** Fa raha izay tia anareo ihany no tianareo, inona moa no soa tokony ho azonareo? fa na dia ny mpanota koa aza mba tia izay tia azy. **33** Ary raha izay manisy soa anareo ihany no asianareo soa, inona moa no soa tokony ho azonareo? fa na dia ny mpanota aza mba manao izany ihany. **34** Ary raha mampisambotra izay antenainareo fa mbola hanonitra ianareo, inona moa no soa tokony ho azonareo? fa na dia ny mpanota aza mba mampisambotra ny mpanota, handraisany toraka izany indray. **35** Fa tiava ny fahavalonareo, ary manaova soa, dia mampisambora, fa aza kivy na amin' inona na amin' inona, dia ho lehibe ny valim-pitianareo, ary ho zanaky ny Avo Indrindra ianareo; fa Izy mora fanahy amin' izay tsy misaotra sy ny ratsy fanahy. **36** Aoka ho mpamindra fo ianareo mba ho tahaka ny Rainareo, Mpamindra fo. **37** Ary aza mitsara, dia tsy hotsaraina ianareo; aza manameloka, dia tsy hohelohina ianareo; mamelà, dia mba havela ianareo; **38** omeo, dia mba homena ianareo; fatra tsara sady ahintsana no afatratra ka mihoatra no homeny ho ao am-pofoanareo. Fa izay fatra ataonareo no hamarana ho anareo kosa. **39** Ary Jesosy nanao fanoharana taminy koa hoe: Ny jamba va mahatari-dalana ny jamba? Tsy hianjera any an-kady va izy roa? **40** Ny mpianatra tsy mihoatra noho ny mpampianatra; fa izay rehetra tanteraka dia ho tahaka ny mpampianatra azy ihany. **41** Ary nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo izay eo amin' ny mason' ny rahalahinao, nefa ny andry izay eo amin' ny masonao dia tsy mba tsaroanao akory? **42** Ary ahoana no ilazanao amin' ny rahalahinao hoe: Ry rahalahy, aoka hesoriko ny sombin-kazo eo amin' ny masonao, nefa tsy mba hitanao ny andry eo amin' ny masonao? Ry mpihatsaravelatsihy, esory aloha ny andry eo amin' ny masonao, ary amin' izany dia ho hitanao tsara ny hanesoranao ny sombin-kazo eo amin' ny maso' ny rahalahinao. **43** Fa tsy misy hazo tsara mamoa voa ratsy na hazo ratsy mamoa voa tsara. **44** Fa samy fantatra amin' ny voany avy ny hazo rehetra; fa tsy misy manoty aviavy amin' ny tsilo, na voaloboka amin' ny voaroy. **45** Ny olona tsara fanahy dia mamoaka ny tsara avy amin' ny rakitra tsaran' ny fony; ary ny ratsy fanahy kosa dia mamoaka ny ratsy; fa amin' ny haben' ny ao am-pony no itenenan' ny vavany. **46** Ary nahoana ianareo no miantso Ahy hoe: Tompoko, Tompoko, nefa tsy manao izay lazaiko? **47** Izay rehetra manatona Ahy sy mandre ny teniko ka mankatò azy, dia hasehoko aminareo izay tahaka azy: **48** Tahaka ny olona nanao trano izy, izay nihady lalina ary nanisy fanorenana teo ambonin' ny vatolampy; ary nony tondraka ny rano, dia namely mafy izany trano izany ny riaka, nefa tsy nahahozongozona azy, satria tsara fanorenana izy. **49** Fa izay mandre, fa tsy mankatò, dia tahaka ny olona izay nanao trano teo ambonin' ny tany, fa tsy nanisy fanorenana; dia namely azy mafy ny riaka, ka

dia nirodana niaraka tamin' izay izy; ary loza ny naharavan' izany trano izany.

7 Ary rehefa vitan' i Jesosy teo anatrehan' ny olona izany toriteniny rehetra izany, dia nankany Kapernaomy Izy. **2** Ary ny mpanompon' ny kapiteny anankiray, izay malalany, dia narary efa ho faty. **3** Koa raha nahare ny amin' i Jesosy ilay kapiteny, dia naniraka loholon' ny Jiosy hankeo aminy hangataka Azy mba ho avy ka hahasitrana ny mpanompony. **4** Ary rehefa tonga teo amin' i Jesosy ireo, dia nangataka mafy taminy ka nanao hoe: Miendrika ny hanaovanao izany izy, **5** satria tia ny firenentsika izy, sady izy no efa nanao ny synagoga ho antsika. **6** Ary Jesosy nandeha niaraka taminy. Ary rehefa efa mby teo akaikin' ny trano Izy, ilay kapiteny dia naniraka sakaiza hitsena Azy ka nanao taminy hoe: Tompoko, aza manahirana ny tenanao Hianao; fa tsy miendrika hidiranao ao ambanin' ny tafon-tranoko aho. **7** Koa na dia ny tenako aza dia nataoko fa tsy miendrika hankeo aminao; fa mitenena ihany, dia ho sitrana ny ankizilahiko. **8** Fa izaho koa mba lehilahy manan-dehibe ihany, ka manana miaramila izay feheziko; koa hoy izaho amin' ny anankiray: Mandehana, dia mandeha izy, ary amin' ny anankiray koa Avia, dia avy izy, ary amin' ny mpanompoko: Ataovy izao, dia manao izy. **9** Ary nony nahare izany Jesosy, dia gaga taminy; ary dia nitodika Izy ka nanao tamin' ny vahoaka izay nanaraka Azy hoe: Lazaiko aminareo fa tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho, na dia tamin' ny Isiraely aza. **10** Ary nony tafaverina tao an-trano ireo iraka ireo, dia hitany fa sitrana ilay mpanompo. **11** Ary taoriana kelin' izany Jesosy dia nankany an-tanana atao hoe Naina; ary naniraka Azy ny mpianany sy ny vahoaka betsaka. **12** Ary rehefa mby teo akaikin' ny vavahadin' ny tanàna Izy, dia, indro, nisy fatin' ny lehilahy anankiray nentina nivoaka, izay zanakalahy tokan' ny reniny, sady mpitondratena ravehivavy; ary nisy vahoaka betsaka avy tao an-tanàna nanaraka azy. **13** Ary nony nahita an-dravehivavy ny Tompo, dia onena azy ka nanao taminy hoe: Aza mitomany. **14** Ary nanatona Izy ka nanendry ny tranovorona, dia nijanona izay nilanja. Ary hoy Jesosy: zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena. **15** Dia niarina ny maty sady niteny, ary dia natolony tamin-dreniny. **16** Ary raiki-tahotra ny olona rehetra ka nankalaza an' Andriamanitra hoe: Mpaminany lehibe no efa mitsangana eto amintsika; ary Andriamanitra efa nitsinjo ny olony. **17** Dia niely teny Jodia rehetra sy teny amin' ny tany manodidina rehetra ny lazan' i Jesosy ny amin' izany zavatra izany. **18** Ary ny mpianatr' i Jaona nanambara izany rehetra izany taminy. **19** Ary Jaona niantso ny mpianany roa lahy hankao aminy, dia naniraka azy hankany amin' ny Tompo hanao hoe: Hianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika? **20** Ary nony tonga tany aminy ireo lehilahy ireo, dia nanao hoe: Jaona Mpanao-batisa naniraka anay hankatỳ aminao hanao hoe: Hianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika? **21** Ary tamin' izany ora izany Jesosy dia nahasitrana olona maro tamin' ny rofy sy ny aretina sy ny fanahy ratsy sady nampahiratra ny jamba maro. **22** Dia namaly Izy ka nanao taminy hoe: Mandehana ianareo, ambarao amin' i Jaona izao hitanareo sy renareo izao; mahiratra ny jamba, afaka ny mandringa, diovina ny boka, malady ny marenina, atsangana ny maty, ary ny malahelo dia itoriana ny filazantsara. **23** Ary sambatra izay tsy ho tafintohina noho ny amiko. **24** Ary rehefa lasa ny irak' i Jaona, dia nilaza an' i Jaona tamin' ny vahoaka Jesosy ka nanao hoe: Hizaha inona no nalehanareo tany an-efitra? Volotara nohozongozonin' ny rivotra va? **25** Sa hizaha inona no nalehanareo? Olona mitafy lamba soa va? Indro, ny mitafy lamba soa sy mihinana zava-py dia ao an-tranon' ny mpanjaka. **26** Sa hizaha inona no nalehanareo tany? Mpaminany va? Eny, hoy Izaho aminareo, sady mihoatra lavitra noho ny mpaminany izy. **27** Fa izy ilay voasoratra hoe: Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha Anao, Izay hamboatra ny lalanao eo alohanao. **28** Lazaiko aminareo: Amin' izay nateraky ny vehivavy tsy misy lehibe noho Jaona; nefa ny kely indrindra amin' ny fanjakan' Andriamanitra dia lehibe noho izy. **29** Ary ny vahoaka rehetra sy ny mpamory hetra raha nandre, dia nanamarina an' Andriamanitra, satria natao batisa tamin' ny batisan' i Jaona izy. **30** Fa ny Fariseo sy ny mpahay lalàna kosa nandà ny fikasan' Andriamanitra, satria tsy mba nanatona hataon' i Jaona batisa izy. **31** Tahaka ny inona ary no hanoharako ny olona amin' ity taranaka ity? tahaka ny inona moa izy? **32** Tahaka ny ankizy madinika mipetraka eny an-tsena izy, izay mifampiantso hoe: Efa nitsoka sodina taminareo izahay, nefa tsy nandihy ianareo; efa nanao feo fisaonana izahay, nefa tsy nitomany ianareo. **33** Fa tonga Jaona Mpanao-batisa tsy nihinan-kanina na nisotro divay, ka hoy ianareo: Manana demonia izy. **34** Tonga ny Zanak' olona mihinana sy misotro kosa, ka hoy ianareo: Indro, olona fatra-pitia hanina sy mpisotro divay, sakaizan' ny mpamory hetra sy ny mpanota. **35** Fa ny fahendrena dia hamarinin' ny zanany rehetra. **36** Ary ny Fariseo anankiray nanasa an' i Jesosy hiara-mihinana aminy; ary dia niditra tao an-tranon' ilay Fariseo Izy ka nipetraka nihinana. **37** Ary, indro, nisy vehivavy mpanota tao an-tanàna, ka rehefa fantany fa Jesosy nipetraka nihinana tao an-tranon' ilay Fariseo, dia nitondra tavoara alabastara feno menaka manitra izy; **38** ary nijanona teo ivohony tanilan' ny tongony izy ka nitomany, dia nahakotsa ny tongony tamin' ny ranomasony sy namaoka azy tamin' ny volon-dohany, dia nanoroka fatratra ny tongony ka nanosotra azy tamin' ny menaka manitra, **39** Ary nony nahita izany ilay Fariseo nanasa Azy, dia nanao anakampo hoe: Raha mpaminany Ity, dia ho nahalala io vehivavy manendry Azy io sy ny toeny; fa mpanota io. **40** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Ry Simona, manan-kolazaina aminao Aho. Dia hoy izy: Lazao ary, Mpampianatra ô. **41** Nisy roa lahy nananan' ny mpampanàna vola anankiray trosa: ny iray nananany denaria diman-jato, ary ny iray kosa dimam-polo. **42** Ary raha tsy nanan-kaloa izy roa lahy, dia samy navelany. Koa iza moa amin' ireo no ho tia azy indrindra? **43** Simona namaly ka nanao hoe: Ataoko fa ilay namoizany be. Dia hoy Izy taminy: Marina ny hevitrao. **44** Ary Jesosy nitodika nijery an-dravehivavy ka nanao tamin' i Simona hoe: Hitanao va io vehivavy io? Niditra teto an-tranonao Aho; nefa tsy

mba nanome Ahy rano hanasana ny tongotro ianao; fa izy kosa nahakotsa ny tongotro tamin' ny ranomasony, dia namaoka azy tamin' ny volon-dohany. **45** Tsy mba nanoroka Ahy akory ianao; fa izy, hatr' izay nidirako, dia tsy mbola nitsahatra nanoroka fatratra ny tongotro. **46** Ny lohako tsy mba nohosoranao diloilo akory; fa izy kosa nanoso-menaka manitra ny tongotro. **47** Ary amin' izany dia lazaiko aminao: Voavela ny helony be, fa be fitiavana izy; fa izay voavela tamin' ny kely dia kely fitiavana. **48** Dia hoy Izy tamin-dravehivavy: Voavela ny helokao. **49** Ary izay niara-nipetraka nihinana teo aminy dia niresaka hoe: Iza moa Ity no mba mamela heloka? **50** Ary hoy Izy tamin-dravehivavy: Ny finoanao efa namonjy anao; mandehana soa aman-tsara.

8 Ary taoriana kelin' izany, dia lasa Jesosy nitety ny tanàna sy ny vohitra nitory ny filazantsaran' ny fanjakan' Andriamanitra; ary ny roa ambin' ny folo lahy nanaraka Azy. **2** mbamin' ny vehivavy sasany, izay nositraniny tamin' ny fanahy ratsy sy ny aretina, dia Maria atao hoe Magdalena, izay efa nivoahan' ny demonia fito, **3** sy Johana, vadin' i Koza, mpitandrina ny fananan' i Heroda, ary Sosana mbamin' ny maro hafa koa, izay nanompo azy tamin' ny fananany. **4** Ary nisy vahoaka betsaka niangona, ka nanatona Azy ny olona avy tamin' ny isan-tanàna, dia nanao fanoharana hoe Izy: **5** Nivoaka ny mpamafy hamafy ny voa; ary raha namafy izy, ny sasany dia voafafy teny amoron-dalana ka voahitsakitsaka, ary dia lanin' ny voromanidina. **6** Ary ny sasany dia voafafy teny ambonin' ny vatolampy; ary raha vao naniry izy, dia nalazo; satria tsy nisy mandomando. **7** Ary ny sasany dia voafafy teny amin' ny tsilo; ary ny tsilo niara-naniry taminy, dia nangeja azy. **8** Ary ny sasany dia voafafy teny amin' ny tany tsara, dia naniry ka namoa zato heny. Ary rehefa nilaza izany Izy, dia niantso hoe: Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino. **9** Ary ny mpianany nanontany Azy ny amin' izay hevitr' izany fanoharana izany. **10** Dia hoy Izy: Hianareo no navela hahalala ny zava-miafina ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra; fa amin' ny olon-kafa dia fanoharana no atao, mba hijery izy, fa tsy hahita, ary hahare, fa tsy hahafantatra. **11** Koa izao no hevitry ny fanoharana: Ny voa dia ny tenin' Andriamanitra. **12** Ireo teny amoron-dalana dia izay mandre, nefa avy ny devoly ka manaisotra ny teny ao am-pony, fandrao hino izy ka hovonjena. **13** Ireo teny ambonin' ny vatolampy dia izay mandre sady mandray ny teny amin' ny hafaliana; nefa tsy manam-paka ireo, fa mino vetivety ihany, koa amin' izay andro isehoan' ny fakam-panahy dia mihemotra izy. **14** Ireo teny amin' ny tsilo dia izay mandre, fa nony mandeha izy, dia voagejan' ny fiahiahiana sy ny harena ary ny fahafinaretan' izao fiainana izao ka tsy mahavanom-boa. **15** Fa ireo teny amin' ny tany tsara kosa dia izay mandre ny teny amin' ny fo sady marina no tsara, dia mitana azy ka mamoa amin' ny faharetana. **16** Tsy misy olona mampirehitra jiro ka manarona azy, na nametraka azy ao ambanin' ny farafara; fa ataony eo amin' ny fanaovan-jiro izy, mba ho hitan' izay miditra ny mazava. **17** Fa tsy misy takona izay tsy ho hita, na miafina izay tsy ho fantatra sy tsy haseho. **18** Koa tandremo ny fihainonareo; fa izay manana dia homena; ary izay tsy manana kosa, na dia izay ataony ho ananany aza dia halaina aminy. **19** Ary renin' i Jesosy sy ny rahalahiny nanatona Azy, fa tsy nahazo nihaona taminy, satria nifanety ny vahoaka. **20** Ary nisy nilaza taminy hoe: Ny reninao sy ny rahalahinao mijanona ato ala-trano ta-hahita Anao. **21** Fa namaly Izy ka nanao taminy hoe: Ny reniko sy ny rahalahiko dia ireto izay mandre ny tenin' Andriamanitra ka mankatò azy. **22** Ary tamin' ny andro anankiray dia niondrana an-tsambokely Jesosy sy ny mpianany; ary hoy Izy taminy: Andeha isika hankeny am-pitan' ny farihy; dia lasa izy. **23** Ary nony nandeha ny sambokely, dia azon' ny torimaso Jesosy; ary nisy tafio-drivotra nidina tamin' ny farihy, ka nila ho feno rano ny sambo, ary saiky nahita loza izy ireo. **24** Ary nanatona izy, dia namoha Azy ka nanao hoe: Tompoko, Tompoko, maty izahay! Dia nitsangana Izy, ka noteneniny mafy ny rivotra sy ny onjan-drano. Ary dia nitsahatra izany, ka tonga tony tsara ny andro. **25** Ary hoy Izy taminy: Aiza ny finoanareo? Ary natahotra izy ireo sady gaga ka niresaka hoe: Iza moa Ity, no mandidy ny rivotra sy ny rano Izy, ka manaiky Azy izany! **26** Dia nitody tany amin' ny tanin' ny Gerasena izay tandrifin' i Galilia izy. **27** Ary raha niala nankeny an-tanety Jesosy, dia nifanena taminy ny lehilahy anankiray avy tao an-tanàna, izay efa nanana demonia, ary efa ela izy no tsy nitafy lamba sady tsy nitoetra tao an-trano, fa teny amin' ny fasana. **28** Fa nony nahita an' i Jesosy izy, dia niantso mafy sady niankohoka teo anatrehany ka niteny tamin' ny feo mahery hoe: Moa mifaninona akory Hianao, Jesosy, Zanak' Andriamanitra Avo Indrindra ô? masìna Hianao, aza mampijaly ahy. **29** Fa Izy nandidy ny fanahy maloto hivoaka tamin-dralehilahy. Fa efa nahazo azy ela izany; ary efa nafatotra tamin' ny gadra, na ny tànany, na ny tongony, ka nambenana izy; nefa notapahiny ny fatorana, ka dia nentin' ny demonia niriotra nankany an-efitra izy. **30** Ary Jesosy nanontany azy ka nanao hoe: Iza moa no anaranao? Dia hoy izy: Legiona; fa demonia maro no efa niditra tao anatiny. **31** Ary nifona taminy izy mba tsy handidiany azy hankany amin' ny lavaka tsy hita noanoa. **(Abyssos g12)** **32** Ary nisy kisoa maro andiany iray nandrasana teny an-tendrombohitra, ary ny demonia nifona taminy mba havelany hiditra ao anatiny. Dia nekeny. **33** Ary ny demonia, rehefa nivoaka tamin-dralehilahy, dia niditra tao anatin' ny kisoa; ary ireo kisoa andiany ireo nitratrevatreva tamin' ny hantsana ho any amin' ny farihy, ka dia maty tany. **34** Ary nony hitan' ny mpiandry izany natao izany, dia nandositra izy ka nilaza izany tao an-tanàna sy tany an-tsaha. **35** Dia nivoaka ny olona mba hizaha izany natao izany; ary tonga tany amin' i Jesosy izy, dia nahita an-dralehilahy izay efa nivoahan' ny demonia, fa indro izy nipetraka teo anilan' ny tongotr' i Jesosy nitafy lamba sady ary saina; dia raiki-tahotra ireo. **36** Ary izay efa nahita dia nanambara tamin' ny olona ny namonjena an' ilay demoniaka. **37** Ary ny olona rehetra tany amin' ny tanin' ny Gerasena manodidina dia nangataka an' i Jesosy hiala aminy, satria raiki-tahotra indrindra izy; ary Jesosy niondrana an-tsambokely ka niverina. **38** Ary ny lehilahy

izay efa nivoahan' ny demonia dia nangataka mba hitoetra ao aminy; nefa nampodin' i Jesosy izy ka nataony hoe: **39** Modia ihany any an-tranonao, ka ambarao ny zavatra lehibe nataon' Andriamanitra taminao. Dia nandeha izy ka nitory eran' ny tanàna izay zavatra lehibe nataon' i Jesosy taminy. **40** Ary nony tafaverina Jesosy, dia nandray Azy tsara ny vahoaka, fa niandry Azy avokoa izy rehetra. **41** Ary, indro, dia tonga ny lehilahy atao hoe Jairo, mpanapaka ny synagoga; dia niankohoka tamin' ny tongotr' i Jesosy izy ka niangavy taminy hiditra ao an-tranony. **42** Fa nanana zanakavavy tokana tokony ho roa ambin' ny folo taona izy, ary efa ho faty razazavavy. Ary raha nandeha Jesosy, dia nanety lalana Azy ny vahoaka. **43** Ary nisy vehivavy anankiray narary roa ambin' ny folo taona, izay efa nandany ny fananany rehetra tamin' ny mpanao fanafody, nefa tsy nisy nahasitrana azy akory. **44** Dia nankao ivohon' i Jesosy ravehivavy ka nanendry ny somotraviavin-dambany, ary niaraka tamin' izay dia nijanona ny aretiny. **45** Ary hoy Jesosy: Iza moa no nanendry Ahy? Ary rehefa samy nandà izy rehetra, dia hoy Petera sy ny namany: Tompoko, ny vahoaka betsaka mifanety ka manizina Anao. **46** Fa hoy Jesosy: Nisy olona nanendry Ahy; fa fantatro fa nisy hery nivoaka avy tamiko. **47** Ary rehefa hitan-dravehivavy fa tsy takona Azy izy, dia nangovitra izy ka nankeo aminy sady niankohoka teo anatrehany, dia nanambara teo anatrehan' ny vahoaka rehetra izay anton' ny nanendreny Azy sy izay nahasitrananay niaraka tamin' izay. **48** Ary hoy Jesosy taminy: Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao; mandehana soa aman-tsara. **49** Ary raha mbola niteny Jesosy, dia tonga ny anankiray avy tany amin' ilay mpanapaka ny synagoga ka nanao hoe: Maty ny zanakao-vavy; aza manahirana ny Mpampianatra. **50** Fa Jesosy, raha nahare, dia namaly azy ka nanao hoe: Aza matahotra; minoa fotsiny ihany, dia ho velona izy. **51** Ary raha tonga tao an-trano Izy, dia tsy nisy olona navelany hiara-miditra taminy, afa-tsy Petera sy Jaona ary Jakoba mbamin' ny ray aman-drenin-drazazavavy. **52** Ary ny olona rehetra nitomany sy nisaona azy; fa Jesosy nanao hoe: Aza mitomany; fa tsy maty izy, fa matory. **53** Dia nihomehy Azy fatratra ny olona satria fantany fa efa maty razazavavy. **54** Ary Jesosy dia nandray ny tànany ka niantso hoe: Ry zazavavy, miarena. **55** Dia nody indray ny ainy, ka niarina niaraka tamin' izay izy; ary nasainy nomena hanina izy. **56** Ary dia talanjona ny ray aman-dreniny; fa Jesosy nandrara ary tsy hilazalaza amin' olona ny zavatra efa natao.

9 Ary Jesosy niantso ny roa ambin' ny folo lahy hankeo aminy ka nanome azy hery sy fahefana hamoaka ny demonia rehetra sy hahasitrana aretina. **2** Ary Izy naniraka ireo handeha hitory ny fanjakan' Andriamanitra sy hahasitrana ny marary. **3** Ary hoy izy taminy: Aza mitondra zavatra ho amin' ny alehanareo, na tehina, na kitapom-batsy, na mofo, na vola, ary aza misy mitondra akanjo roa. **4** Ary izay trano hidiranareo, dia ao no itoero, ary avy ao indray no ialao. **5** Ary izay tsy mampandroso, anareo, raha miala amin' izany tanàna izany ianareo, dia ahintsano ny vovoka ho afaka amin' ny tongotrareo ho vavolombelona miampanga azy. **6** Dia lasa nandeha izy ireo ka nitety vohitra nitory ny filazantsara sy nahasitrana teny tontolo eny. **7** Ary Heroda mpanapaka nandre izay rehetra natao; dia very hevitra izy noho ny filazan' ny olona; fa hoy ny sasany: Jaona no efa nitsangana tamin' ny maty; **8** ary hoy ny sasany: Elia no efa niseho; fa hoy kosa ny sasany: Ny anankiray amin' ny mpaminany fahiny no efa nitsangana. **9** Fa hoy Heroda: Raha Jaona, dia izaho no efa nanapaka ny lohany; fa iza indray moa Izao, izay reko fa manao izany zavatra izany? Ary izy nitady hahita Azy. **10** Ary rehefa niverina ny Apostoly, dia nanambara tamin' i Jesosy izay efa nataony. Ary Izy nitondra azy ka nandeha nitokana nankany amin' ny tanàna atao hoe Betsaida. **11** Ary ny vahoaka, nony nahalala, dia nanaraka Azy; ary Izy nandray azy tsara ka nilaza taminy ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra; ary izay marary dia nositraniny. **12** Ary nony efa ho hariva ny andro, dia nanatona ny roa ambin' ny folo lahy ka nanao taminy hoe: Ravao ny vahoaka mba hankanesany eny amin' ny vohitra manodidina sy any an-tsaha handry sy hitady hanina; fa atỳ an-tany foana isika. **13** Fa hoy Izy taminy: Omeonareo hanina izy. Ary hoy ireo: Tsy manana mihoatra noho ny mofo dimy sy hazandrano roa izahay, raha tsy handeha hividy hanina ho an' ireo olona rehetra ireo. **14** Fa tokony ho dimy arivo lahy izy. Ary hoy Izy tamin' ny mpianany: Asaovy mipetraka an-tokony izy ka tokony ho dimam-polo avy. **15** Dia nataony izany, ka nampipetraka azy rehetra izy. **16** Ary rehefa noraisin' i Jesosy ny mofo dimy sy ny hazandrano roa, dia niandrandra ny lanitra Izy, ka nanaovany fisaorana ireo, dia novakiny ka natolony ny mpianany harosony eny anoloan' ny vahoaka. **17** Dia nihinana izy rehetra ka voky; ary nangonina izay sombintsombiny sisa tsy lany, ka nisy roa ambin' ny folo harona. **18** Ary raha nivavaka tao amin' ny mangingina Jesosy, sady teo aminy ny mpianany, dia nanontany azy Izy ka nanao hoe: Ataon' ny olona ho iza moa Aho? **19** Dia namaly ireo ka nanao hoe: Jaona Mpanao-batisa; nefa ny sasany kosa manao Anao ho Elia, ary ny sasany indray manao hoe: Ny anankiray amin' ny mpaminany fahiny no efa nitsangana. **20** Fa hoy Izy taminy: Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza? Dia namaly Petera ka nanao hoe: Ny Kristin' Andriamanitra. **21** Ary Izy niteny mafy azy sady nandrara azy mba tsy hilazalaza izany amin' olona **22** ka nanao hoe: Ny Zanak' olona tsy maintsy hijaly mafy ka holavin' ny loholona sy ny lohan' ny mpisorona mbamin' ny mpanora-dalàna sady hovonoiny; ary amin' ny andro fahatelo dia hatsangana. **23** Ary hoy koa Jesosy tamin' izy rehetra: Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, dia hitondra ny hazo fijaliany isan' andro ka hanaraka Ahy. **24** Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery izany; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia izy no hamonjy izany. **25** Fa inona no soa azon' ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy, na matiantoka, izany izy? **26** Fa na iza na iza no ho menatra Ahy sy ny teniko, dia ho menatra azy kosa ny Zanak' olona, raha avy amin' ny voninahiny sy ny an' ny Rainy ary ny an' ny anjely masìna. **27** Fa lazaiko aminareo tokoa: Misy ny sasany eto izay tsy mba

hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny fanjakan' Andriamanitra. **28** Ary rehefa tokony ho havaloana taorian' izany teny izany, dia nitondra an' i Petera sy Jaona ary Jakoba Izy ka niakatra tany an-tendrombohitra hivavaka. **29** Ary raha mbola nivavaka Izy, dia niova ny toetry ny tarehiny, ary ny fitafiany dia tonga fotsy sady nanelatrelatra. **30** Ary, indreo, nisy roa lahy niresaka taminy, dia Mosesy sy Elia, **31** izay niseho tamin-boninahitra ka nilaza ny fialany, izay efa hefainy any Jerosalema. **32** Ary efa navesatry ny tory ny mason' i Petera sy ny namany; nefa nahari-tory ihany izy, dia nahita ny voninahitr' i Jesosy sy izy roa lahy izay teo aminy. **33** Ary tamin' ny nisarahan' izy roa lahy taminy dia hoy Petera tamin' i Jesosy: Tompoko, tsara raha mitoetra eto isika; ary aoka izahay hanao tranolay telo: ny anankiray ho Anao, ny anankiray ho an' i Mosesy, ary ny anankiray ho an' i Elia; nefa tsy fantany izay nolazainy. **34** Ary raha mbola niteny izany izy, dia nisy rahona niseho nanarona azy ireo; ary raha niditra tao anatin' ny rahona ireo, dia raiki-tahotra ny mpianatra telo lahy. **35** Ary nisy feo avy tao amin' ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako voafidiko; Izy no henoy. **36** Ary rehefa nitsahatra ny feo, dia Jesosy irery ihany no hita. Ary nangina izy ireo ka tsy nilazalaza tamin' olona na dia iray akory aza tamin' izany andro izany ny amin' izay zavatra efa hitany. **37** Ary nony ampitson' iny, raha nidina avy teo an-tendrombohitra izy ireo, dia nisy vahoaka betsaka nitsena an' i Jesosy. **38** Ary, indro, nisy lehilahy anankiray avy teo amin' ny vahoaka nitaraina mafy hoe: Mpampianatra ô, masìna Hianao, mamindrà fo amin' ny zanako! fa zanako-lahy tokana izy. **39** Ary, indro, misy fanahy mahazo azy, ka miantsoantso tampoka izy, ary ny fanahy mampifanintontsintona ny tenany sy mampandoa vory azy, ary sarotra ny fialany aminy ka mahatorotorovana azy. **40** Ary nangataka tamin' ny mpianatrao aho mba hamoaka izany, fa tsy afany. **41** Ary Jesosy namaly ka nanao hoe: Ry taranaka sady tsy mino no efa nivadika, mandra-pahoviana no hitoerako aminareo sy handeferako aminareo? Ento etỳ ny zanakao. **42** Ary raha mbola nanatona izy, dia nampihinjitrinjitra sy nampifanintontsintona azy ny demonia. Ary Jesosy niteny mafy ny fanahy maloto ka nahasitrana ny zazalahy; dia natolony tamin-drainy indray izy. **43** Dia talanjona izy rehetra noho ny fiandrianan' Andriamanitra. Ny nilazan' i Jesosy fanindroany ny hahafatesany sy ny hitsanganany indray. Fa raha talanjona izy rehetra tamin' izay rehetra nataon' i Jesosy, dia hoy Izy tamin' ny mpianany: **44** Ampidironareo ao amin' ny sofinareo izany teny izany; fa ny Zanak' olona efa hatolotra eo an-tànan' ny olona. **45** Nefa tsy azon' ny mpianatra io teny io sady nafenina azy izany mba tsy ho fantany; ary natahotra hanontany Azy ny amin' io teny io izy. **46** Dia nisy fisainana niseho tao am-pony ny amin' izay ho lehibe ao aminy. **47** Ary Jesosy nahalala ny fisainan' ny fony, dia nandray zaza anankiray ka nametraka azy teo anoloany; **48** ary hoy Izy tamin' ireo: Na zovy na zovy no mandray io zaza io noho ny anarako dia mandray Ahy; ary na zovy na zovy no mandray Ahy dia mandray Izay naniraka Ahy; fa izay kely indrindra ao aminareo rehetra, dia izy no lehibe. **49** Ary Jaona namaly ka nanao hoe: Tompoko, izahay nahita anankiray namoaka demonia tamin' ny anaranao, ka noraranay izy, satria tsy manaraka antsika. **50** Fa hoy Jesosy taminy: Aza raràna, fa izay tsy manohitra anareo dia momba anareo. **51** Ary rehefa ho tonga ny fotoana hampiakarana an' i Jesosy, dia niatrika hankany Jerosalema Izy. **52** Ary nandefa iraka hialoha Azy Izy; dia nandeha ireo ka niditra tao amin' ny vohitra anankiray izay an' ny Samaritana hamboatra ho Azy. **53** Fa tsy nandray Azy ny olona, satria nandroso toa ho any Jerosalema Izy. **54** Ary raha hitan' i Jakoba sy Jaona mpianany izany, dia hoy izy: Tompoko, tianao va raha hiteny izahay mba hisy afo milatsaka avy any an-danitra handevona azy? **55** Fa Izy nitodika, dia niteny mafy azy. **56** Dia nankany amin' ny vohitra hafa Izy. **57** Ary nony nandroso teny an-dalana izy, dia nisy anankiray nanao tamin' i Jesosy hoe: Hanaraka Anao aho na aiza na aiza halehanao. **58** Fa hoy Jesosy taminy: Ny amboahaolo manan-davaka, ary ny voro-manidina manana fialofana; fa ny Zanak' olona tsy mba manana izay hipetrahan' ny lohany. **59** Ary hoy Izy tamin' ny anankiray koa: Manaraha Ahy. Fa hoy kosa izy: Tompoko, aoka aho aloha handeha handevina ny raiko. **60** Fa hoy Jesosy taminy: Aoka ny maty handevina ny maty ao aminy; fa ianao kosa mandehana, ka mitoria ny fanjakan' Andriamanitra. **61** Ary hoy ny anankiray koa: Tompoko, hanaraka Anao ihany aho; fa aoka aho aloha handeha hanao veloma ny ao an-tranoko. **62** Fa hoy Jesosy taminy: Tsy misy olona mitana fangady tarihina ary miherika ka miendrika ho ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

10 Ary nony afaka izany, ny Tompo nanendry olona hafa koa, dia fito-polo lahy, ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin' ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany. **2** Ary hoy Izy taminy: Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin' izany mangataha amin' ny Tompon' ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra. **3** Mandehana; indro, Izaho maniraka anareo tahaka ny zanak' ondry eo ampovoan' ny amboadia. **4** Aza mitondra kitapom-bola, na kitapom-batsy, na kapa; ary aza miarahaba olona akory eny an-dalana. **5** Ary izay trano idiranareo, dia lazao aloha hoe: Fiadanana ho amin' ity trano ity. **6** Ary raha misy zanaky ny fiadanana ao, dia hitoetra ao aminy ny fiadanana tononinareo; fa raha tsy izany, dia hiverina ho aminareo ihany izany. **7** Ary mitoera ao amin' izany trano izany, ka mihinàna sy misotroa izay zavatra omeny; fa ny mpiasa miendrika hahazo ny karamany. Aza mifindrafindra trano. **8** Ary izay tanàna iakaranareo, ka mandray anareo ny olona, dia hano izay zavatra aroso eo anoloanareo. **9** Ary sitrano izay marary ao, ka lazao amin' ny olona hoe: Efa mby akaiky anareo ny fanjakan' Andriamanitra. **10** Fa izay tanàna iakaranareo, ka tsy mandray anareo kosa ny olona, dia mankanesa eo amin' ny lalambe, ka lazao hoe: **11** Ny vovoky ny tanànanareo aza, izay miraikitra amin' ny tongotray, dia fafànay hiampanga anareo; nefa aoka ho fantatrareo fa efa mby akaiky anareo ny fanjakan' Andriamanitra. **12** Lazaiko aminareo fa ho moramora kokoa ny ho amin' i Sodoma amin' izany andro izany noho ny ho amin' izany tanàna izany. **13** Lozanao, ry Korazina!

lozanao, ry Betsaida! fa raha mba tany Tyro sy Sidona no natao ny asa lehibe izay natao teo aminareo, dia ho nibebaka ela izy ka nitafy lamba fisaonana sy nipetraka amin' ny lavenona. **14** Fa ho moramora kokoa ny ho amin' i Tyro sy Sidona amin' ny andro fitsarana noho ny ho aminareo. **15** Ary ianao, ry Kapernaomy, hasandratra hatrany an-danitra va ianao? Haetry hatrany amin' ny fiainan-tsi-hita ianao. **(Hadēs g86)** **16** Izay mihaino anareo dia mihaino Ahy; ary izay mandà anareo dia mandà Ahy; ary izay mandà Ahy dia mandà Izay naniraka Ahy. **17** Ary ny fito-polo lahy niverina tamin' ny fifaliana ka nanao hoe: Tompo ô, na dia ny demonia aza dia manaiky anay noho ny anaranao. **18** Fa hoy Jesosy taminy: Izaho nahita an' i Satana latsaka avy tany an-danitra tahaka ny varatra. **19** Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan' ny fahavalo ianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory. **20** Kanefa aza mifaly ianareo, satria manaiky anareo ny fanahy; fa mifalia, satria voasoratra any an-danitra ny anaranareo. **21** Ary tamin' izany ora izany dia ravoravo tamin' ny Fanahy Masìna Jesosy ka nanao hoe: Midera Anao Aho, Raiko ô, Tompon' ny lanitra sy ny tany, fa efa nafeninao tamin' ny hendry sy ny manan-tsaina izany ka nasehonao tamin' ny zaza madinika; eny, Raiko, fa izany no sitrakao. **22** Ny zavatra rehetra dia efa natolotry ny Raiko Ahy; ary tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray, ary ny Ray afa-tsy ny Zanaka sy izay tian' ny Zanaka hanehoana Azy. **23** Ary nitodika tamin' ny mpianany Izy, dia nilaza taminy manokana hoe: Sambatra ny maso mahita izay hitanareo. **24** Fa lazaiko aminareo fa mpaminany sy mpanjaka maro no naniry hahita izay hitanareo, fa tsy nahita, ary naniry nahare izay renareo, fa tsy nahare. **25** Ary, indro, nisy mpahay lalàna anankiray nitsangana ka naka fanahy an' i Jesosy hoe: Mpampianatra ô, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay? **(aiōnios g166)** **26** Ary hoy Izy taminy: Inona no voasoratra ao amin' ny lalàna? Manao ahoana no famakinao azy? **27** Ary izy namaly ka nanao hoe: Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny herinao rehetra ary ny sainao rehetra; ary, Tiava ny namanao tahaka ny tenanao. **28** Ary hoy Jesosy taminy: Marina ny navalinao; ataovy izany, dia ho velona ianao. **29** Fa izy ta-hanamarina ny tenany ka nanao tamin' i Jesosy hoe: Iza ary no namako? **30** Ary Jesosy namaly ka nanao hoe: Nisy lehilahy anankiray nidina avy tany Jerosalema hankany Jeriko ka azon' ny jiolahy, dia nendahany ny lambany, sady nokapohiny izy, dia nilaozany, rehefa saiky maty. **31** Ary sendra nisy mpisorona anankiray nidina tamin' izany lalana izany; ary raha nahita an-dralehilahy izy, dia nandalo azy. **32** Ary toy izany koa ny Levita anankiray, izay tonga teo, dia nahita azy, nefa nandalo koa. **33** Fa nisy kosa Samaritana anankiray nandeha tamin' ny nalehany ka tonga teo aminy, ary nony nahita azy, dia onena. **34** Dia nanatona izy, ka nofeheziny ny feriny, sady nasiany diloilo sy divay; dia nampitaingeniny tamin' ny bibiny izy, ka nentiny ho any amin' ny tranom-bahiny, dia notsaboiny. **35** Ary nony ampitson' iny, dia naka denaria roa izy, ka nomeny ny tompon' ny tranom-bahiny, sady nanao taminy hoe: Tsaboy izy; ary na hoatrinona na hoatrinona no laninao mihoatra noho ireto dia honerako, rehefa miverina aho. **36** Iza moa amin' izy telo lahy no ataonao ho naman' ilay azon' ny jiolahy? **37** Ary hoy izy: Ilay niantra azy. Dia hoy Jesosy taminy: Mandehana ianao, ka mba manaova toy izany koa. **38** Ary raha nandeha izy ireo, dia niditra teo amin' ny vohitra anankiray Jesosy; ary nisy vehivavy anankiray atao hoe Marta nampiantrano Azy ho ao an-tranony. **39** Ary izy nanana rahavavy atao hoe Maria, izay nipetraka teo anilan' ny tongotry ny Tompo ka nihaino ny teniny. **40** Fa Marta sahirana tamin' ny fanompoana be; dia avy izy ka nanao hoe: Tompoko, moa tsy mampaninona Anao va ny amelan' ny rahavaviko ahy hanompo irery? koa mba asaovy manampy ahy izy. **41** Fa ny Tompo namaly ka nanao taminy hoe: Marta, Marta, maro ahina sy maro herehina ianao; **42** nefa zavatra iray loha no ilaina; fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara, izay tsy halaina aminy.

11 Ary Jesosy nivavaka tao amin' ny fitoerana iray, ka rehefa nitsahatra Izy, dia hoy ny mpianany anankiray taminy: Tompoko, mampianara anay hivavaka, tahaka ny nampianaran' i Jaona ny mpianany. **2** Ary hoy Izy taminy: Raha mivavaka ianareo, dia ataovy hoe: Ray ô hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. **3** Omeo anay isan' andro izay hanina sahaza ho anay. **4** Ary mamelà ny helokay; fa izahay koa mamela izay rehetra meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy. **5** Ary hoy Jesosy taminy: Iza moa aminareo no manana sakaiza, izay hankeo aminy mamatonalina ka hanao aminy hoe: Ry sakaiza, ampisambory mofo telo aho; **6** fa ny sakaizako nandeha tamin' ny nalehany, dia tonga atsy amiko, ka tsy misy izay hafahako azy; **7** ary ilay ao an-trano kosa hamaly ka hanao hoe: Aza manahirana ahy; fa efa mihidy ny varavarana izao, ary ny zanako mandry eto am-pandriana eto amiko; tsy afaka hifoha hanome anao aho? **8** Hoy Izaho aminareo: Na dia tsy hiainga hanome azy noho ny fisakaizana aza izy, dia hifoha ihany izy noho ny fitarainany fatratra ka hanome azy izay ilainy. **9** Ary hoy izaho aminareo: Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. **10** Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana. **11** Fa iza moa aminareo izay ray, raha angatahan' ny zanany mofo, no hanome azy vato? ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana ho solon' ny hazandrano? **12** ary raha angatahany atody, no hanome azy maingoka? **13** Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an' ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masìna ho an' izay mangataka aminy? **14** Ary Jesosy namoaka demonia moana. Ary rehefa nivoaka ny demonia, dia niteny ilay moana; ka dia gaga ny vahoaka. **15** Fa hoy ny sasany; Belzeboba, lohan' ny demonia, no amoahany ny demonia. **16** Fa ny sasany kosa naka fanahy Azy ka nangataka famantarana taminy avy any an-danitra. **17** Fa Izy nahalala ny heviny, dia nanao taminy hoe: Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano; ary ho

rava ny ankohonana izay miady an-trano. **18** Ary raha Satana koa aza no miady an-trano, ahoana no haharetan' ny fanjakany? Fa hoy ianareo: Belzeboba no amoahako ny demonia. **19** Fa raha Izaho mamoaka demonia amin' ny herin' i Belzeboba, dia amin' ny herin' iza kosa no amoahan' ny zanakareo azy? koa amin' izany dia ho mpitsara anareo ireo. **20** Fa raha ny rantsan-tànan' Andriamanitra no amoahako ny demonia, dia tonga aminareo tokoa ny fanjakan' Andriamanitra. **21** Raha ny mahery mivonona amin' ny fiadiany no miaro ny tranony, dia tsy haninona ny fananany. **22** Fa raha avy kosa izay mahery noho izy ka mandresy azy, dia alainy ny fiadiany rehetra izay nitokiany, ary izay azony ho babo dia zarainy. **23** Izay tsy momba Ahy dia manohitra Ahy; ary izay tsy miara-mamory amiko dia manahaka. **24** Raha mivoaka amin' ny olona ny fanahy maloto, dia mandeha mitety ny tany tsy misy rano izy, mitady fitsaharana; ary rehefa tsy mahita, dia hoy izy: Hody any an-tranoko izay nivoahako aho. **25** Ary nony tonga izy, dia hitany fa voafafa sy voavoatra ny trano. **26** Ary dia mandeha izy ka mitondra fanahy fito hafa koa ratsy noho izy; dia miditra ireo ka mitoetra ao; ary ny faran' izany olona izany dia ratsy noho ny voalohany. **27** Ary raha nilaza izany Jesosy, dia nisy vehivavy anankiray teo amin' ny vahoaka niantso ka nanao taminy hoe: Sambatra ny kibo izay nitondra Anao sy ny nono izay ninonoanao. **28** Fa Izy nanao hoe: Eny tokoa, kanefa mainka sambatra aza ny mihaino ny tenin' Andriamanitra ka mitandrina izany. **29** Ary raha mbola niangona ny vahoaka betsaka, dia nilaza hoe Izy: Ity taranaka ity dia taranaka ratsy. Mitady famantarana izy; nefa tsy hisy famantarana homena azy, afa-tsy ny famantarana ny amin' i Jona; **30** Fa tahaka an' i Jona izay famantarana tamin' ny Ninivita, dia ho toy izany koa ny Zanak' olona amin' ity taranaka ity. **31** Ny mpanjakavavy avy tany atsimo dia hiara-mitsangana amin' ny lehilahy amin' ity taranaka ity amin' ny andro fitsarana ka hanameloka azy; fa avy tany amin' ny faran' ny tany izy hihaino ny fahendren' i Solomona; nefa, indro, misy lehibe noho Solomona eto. **32** Ny olona tany Ninive hiara-mitsangana amin' ity taranaka ity amin' ny andro fitsarana ka hanameloka azy, fa izy nibebaka tamin' ny nitorian' i Jona teny; nefa, indro, misy lehibe noho Jona eto. **33** Tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao an-davaka, na ao ambanin' ny vata famarana, fa apetrany eo amin' ny fanaovan-jiro izy, mba ho hitan' izay miditra ny mazava. **34** Ny masonao no jiron' ny tena; koa raha tsara ny masonao, dia mazava ny tenanao rehetra; fa raha ratsy izy, dia maizina koa ny tenanao. **35** Koa tandremo, fandrao maizina ny mazava izay ao anatinao. **36** Ary amin' izany, raha mazava ny tenanao rehetra, ka tsy misy maizina, dia hazava avokoa izy rehetra, tahaka ny jiro raha mirehitra tsara ka manazava anao. **37** Ary raha mbola niteny Jesosy, dia nisy Fariseo nampiantrano Azy hisakafo ao aminy; dia niditra Izy ka nipetraka nihinana. **38** Fa gaga ilay Fariseo, raha nahita fa tsy nisasa Izy vao nihinana. **39** Fa hoy ny Tompo taminy: Ankehitriny ianareo Fariseo dia manadio ny vohon' ny kapoaka sy ny lovia, nefa ny ao anatinareo kosa dia feno rombaka sy faharatsiana. **40** Ry adala! Tsy izay nanao ny vohony va no nanao ny atiny koa? **41** Fa ny zavatra eo anatiny no aoka homenareo ho fiantrana, dia, indro, madio ho anareo ny zavatra rehetra. **42** Fa lozanareo, Fariseo! fa mandoa ny fahafolon' ny solila sy ny rota ary izay anana famboly rehetra ianareo, nefa lalovanareo ny fitsarana sy ny fitiavana an' Andriamanitra; ireto tokony ho nataonareo, nefa tsy tokony havelanareo ireroana. **43** Lozanareo, Fariseo! fa tia ny fipetrahana aloha ao amin' ny synagoga sy ny fiarahabana any an-tsena ianareo. **44** Lozanareo, fa ianareo dia tahaka ny fasana tsy hita, ka tsy fantatry ny olona izay manitsaka azy. **45** Ary ny anankiray tamin' ny mpahay lalàna namaly ka nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, raha miteny izany Hianao, dia manala baraka anay koa. **46** Fa hoy Jesosy: Lozanareo, mpahay lalàna koa! fa mampitondra ny olona entana sarotra entina ianareo, nefa tsy manendry izany entana izany akory ianareo, na dia amin' ny rantsan-tananareo iray aza. **47** Lozanareo! fa manao ny rarivatom-pasan' ny mpaminany ianareo, nefa ny razanareo ihany no namono azy. **48** Dia vavolombelona ianareo ka manaiky ny asan' ny razanareo; fa izy no namono azy, ary ianareo kosa manao ny rarivatom-pasany. **49** Koa izany no nanambaran' ny fahendren' Andriamanitra hoe: Haniraka mpaminany sy apostoly ho any aminy Aho, ka ny sasany hovonoiny, ary ny sasany henjehiny, **50** mba hadinina amin' ity taranaka ity ny ran' ny mpaminany rehetra izay nalatsaka hatramin' ny nanorenana izao tontolo izao, **51** dia hatramin' ny ran' i Abela ka hatramin' ny ran' i Zakaria, izay novonoina teo anelanelan' ny alitara sy ny tempoly. Eny, lazaiko aminareo marina tokoa fa hadinina amin' ity taranaka ity izany. **52** Lozanareo, mpahay lalàna! satria nalainareo ny fanalahidin' ny fahalalana; ianareo tsy niditra, ary izay te-hiditra dia nosakananareo. **53** Ary raha niala teo Izy, dia noteren' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo fatratra sady nadinadininy zavatra maro. **54** Dia nihendry Azy izy ireo hamandrihany Azy tamin' ny teny naloaky ny vavany.

12 Ary tamin' izany, raha niangona ny vahoaka betsaka tsy hita isa ka nifanitsaka, Jesosy dia niteny tamin' ny mpianany aloha ka nanao hoe: Mitandrema ianareo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo, dia ny fihatsaram-belatsihy. **2** Fa tsy misy nafenina izay tsy haseho, na takona izay tsy ho fantatra. **3** Koa na inona na inona teneninareo ao amin' ny maizina dia ho re eo amin' ny mazava; ary izay bitsihinareo mangingina ao amin' ny efi-trano dia hotorina eo amin' ny tampon-trano. **4** Ary lazaiko aminareo sakaizako hoe: Aza matahotra izay mamono ny tena, nefa nony afaka izany, dia tsy mahay manao mihoatra noho izany. **5** Fa hasehoko anareo izay hatahoranareo: Matahora Izay manam-pahefana hanary any amin' ny helo, rehefa novonoiny; eny, hoy Izaho aminareo: Matahora Azy. **(Geenna g1067)** **6** Tsy eranambatry va no vidin' ny tsintsina dimy? nefa tsy misy hadinoina eo anatrehan' Andriamanitra ireny na dia iray akory aza. **7** Fa na dia ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa. Aza matahotra; fa mihoatra noho ny tsintsina maro ianareo. **8** Fa lazaiko aminareo: Na zovy na zovy no manaiky Ahy eo anatrehan' ny olona,

dia heken' ny Zanak' olona kosa izy eo anatrehan' ny anjelin' Andriamanitra; **9** Fa izay mandà Ahy eo anatrehan' ny olona, dia holavina kosa izy eo anatrehan' ny anjelin' Andriamanitra. **10** Fa na zovy na zovy no hanao teny hanohitra ny Zanak' olona dia hahazo famelan-keloka; fa izay miteny ratsy ny Fanahy Masìna dia tsy mba hahazo famelan-keloka. **11** Ary raha mitondra anareo ho ao amin' ny synagoga sy ny mpanapaka ary ny manam-pahefana izy, dia aza manahy izay havalinareo, na izay holazainareo; **12** fa ny Fanahy Masìna no hampianatra anareo amin' izany ora izany izay mety holazainareo. **13** Ary nisy anankiray teo amin' ny vahoaka nanao tamin' i Jesosy hoe: Mpampianatra ô, teneno ny rahalahiko mba hizara lova amiko. **14** Fa hoy Izy taminy: Ralehilahy, iza no nanendry Ahy ho mpitsara na mpizara ao aminareo? **15** Ary hoy Izy tamin' ny olona: Mitandrema, ka miarova tena mba tsy ho azon' ny fieremana ianareo; fa ny ain' ny olona tsy miankina amin' ny habetsahan' ny zavatra ananany. **16** Dia nanao fanoharana taminy Izy ka nanao hoe: Ny tanin' ny lehilahy manan-karena anankiray nahavokatra be. **17** Ary izy nihevitra tao am-pony hoe: Ahoana no hataoko, fa tsy manana fitoerana hamoriako ny vokatro aho? **18** Ary hoy izy: Izao no hataoko: handrava ny trano fitehirizako aho ka hanao izay lehibebe kokoa, ary ao no hamoriako ny variko rehetra sy ny fananako. **19** Dia hilaza amin' ny fanahiko hoe aho: Ry fanahy ô, manana fananana be voatahiry ho amin' ny taona maro ianao; mitsahara, mihinàna, misotroa, mifalia. **20** Fa Andriamanitra kosa nanao taminy hoe: Ry adala, anio alina no halaina aminao ny fanahinao, ka ho an' iza izay zavatra noharinao? **21** Toy izany izay mihary harena ho an' ny tenany ihany, nefa tsy mba manan-karena ny amin' Andriamanitra. **22** Ary hoy Jesosy tamin' ny mpianany: Noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Aza manahy ny amin' ny ainareo, izay hohaninareo, na ny amin' ny tenanaren, izay hotafinareo. **23** Fa ny aina mihoatra noho ny hanina, ary ny tena noho ny fitafiana. **24** Hevero ny goaika; fa tsy mba mamafy na mijinja ireny; ary tsy manana fitoeran-javatra na trano fitehirizana, nefa Andriamanitra mamelona azy; tsy mihoatra lavitra noho ny vorona va ianareo? **25** Ary iza moa ao aminareo, na dia manahy aza, no mahay manampy ny andro iainany, na dia kely monja aza? **26** Koa raha ny kely indrindra aza tsy hainareo, nahoana ianareo no manahy ny amin' ny sisa? **27** Hevero ny fanirin' ny voninkazo; tsy mba miasa na mamoly ireny; nefa lazaiko aminareo: Na dia Solomona teo amin' ny voninahiny rehetra aza tsy mba nitafy tahaka ny anankiray amin' ireny. **28** Ary raha ny ahitra izay any an-tsaha anio, nefa hatao ao am-patana rahampitso, no ampitafin' Andriamanitra toy izany, tsy mainka va ianareo ry kely finoana? **29** Koa aza mitady izay hohaninareo na izay hosotroinareo ianareo, ary aza miahanahana. **30** Fa ny jentilisa amin' izao tontolo izao dia fatra-pitady izany rehetra izany; fa ny Rainareo mahalala fa tokony ho anareo izany zavatra izany. **31** Kanefa katsaho ny fanjakany; dia hanampy ho anareo izany zavatra izany. **32** Aza matahotra, ry ondry vitsy, fa efa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana. **33** Amidio ny fanananareo, ka manaova fiantrana; manaova kitapom-bola tsy mety ho tonta ho anareo, dia harena any an-danitra tsy mety ho lany, izay tsy azon' ny mpangalatra, sady tsy misy kalalao manimba. **34** Fa izay itoeran' ny harenareo, dia ho any koa ny fonareo. **35** Aoka hisikina ny valahanareo sy hirehitra ny jironareo; **36** ary aoka ianareo ho tahaka ny olona izay miandry ny tompony, raha mody avy amin' ny fampakaram-bady izy, ka nony tonga sy mandondòna izy, dia vohany miaraka amin' izay. **37** Sambatra ny mpanompo izay ho hitan' ny tompony miambina, raha avy izy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa hisikina ny tompony, dia hampipetraka azy hihinana, dia ho avy ka hanompo azy. **38** Ary na avy amin' ny fiambenana faharoa amin' ny alina izy, na avy amin' ny fiambenana fahatelo, ka mahita toy izany, dia sambatra ireo mpanompo ireo. **39** Ary fantaro izao, fa raha fantatry ny tompon-trano izay ora hihavian' ny mpangalatra, dia ho niambina izy ka tsy namela ny tranony hotamina. **40** Dia miomàna koa ianareo; fa ho avy ny Zanak' olona amin' izay ora tsy ampoizinareo. **41** Ary hoy Petera: Tompoko, izahay va no ilazanao izany fanoharana izany, sa ny olona rehetra? **42** Ary hoy ny Tompo: Iza moa no mpitandri-draharaha mahatoky sy manan-tsaina, izay hotendren' ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy anjara hanina amin' ny fotoana? **43** Sambatra ny mpanompo Izay ho hitan' ny tompony fa, indreo, manao toy izany, raha avy izy. **44** Lazaiko aminareo marina fa hotendreny ho mpanapaka ny fananany rehetra izy. **45** Fa raha manao anakampo kosa izany mpanompo izany hoe: Maharitra ela ny tompoko vao ho avy, ka dia mikapoka ny ankizilahy sy ny ankizivavy izy sady mihinana sy misotro ka mamo, **46** dia ho avy ny tompon' izany mpanompo izany amin' ny andro izay tsy ampoiziny sy amin' ny ora izay tsy fantany, dia hotapahiny roa izy ka homeny anjara any amin' ny tsy mahatoky. **47** Fa ilay mpanompo izay mahalala ny sitrapon' ny tompony ihany ka tsy miomana na manao izay sitraky ny fony dia hokapohina be. **48** Fa izay tsy nahalala kosa ka nanao izay zavatra tokony hikapohana azy dia hokapohina kely. Fa izay nomena be, dia be no hotadiavina aminy; ary izay nampitehirizina be, dia bebe kokoa no hadinina aminy. **49** Tonga hanipy afo etỳ ambonin' ny tany Aho, ka manao ahoana ny faniriako mba hirehetan' izany sahady? **50** Ary manana batisa hanaovana Ahy batisa Aho, ka manao ahoana ny fahoriako ambara-pahatanterahany! **51** Ataonareo va fa tonga hanome fihavanana ambonin' ny tany Aho? Tsia, hoy Izaho aminareo, fa fampisarahana. **52** Fa hatramin' izao dia hisy dimy hisara-tsaina ao an-trano iray, ny telo hanohitra ny roa, ary ny roa hanohitra ny telo. **53** Hisara-tsaina ireo, ka ny ray hanohitra ny zananilahy, ary ny zanakalahy hanohitra ny rainy; ny reny hanohitra ny zananivavy, ary ny zanakavavy hanohitra ny reniny; ny rafozam-bavy hanohitra ny vinantoni-vavy, ary ny vinantovavy hanohitra ny rafozani-vavy. **54** Ary hoy Jesosy tamin' ny vahoaka: Raha mahita rahona miposaka any andrefana ianareo, miaraka amin' izay dia hoy ianareo: Ho avy ny ranonorana; dia tonga izany. **55** Ary raha avy any atsimo ny rivotra, dia hoy ianareo: Hafana ny andro; dia tonga izany. **56** Hianareo mpihatsaravelatsihy, ny tarehin' ny

tany sy ny lanitra dia hainareo fantarina; fa ahoana kosa no tsy ahaizanareo mamantatra izao andro izao? **57** Nahoana ianareo no tsy mahalala mitsara araka ny marina? **58** Fa raha miara-mandeha amin' ny manana ady aminao ianao hanatrika ny mpanapaka, raha mbola any an-dalana dia mazotoa manao izay hahafahanao aminy, fandrao hitondra anao any amin' ny mpitsara izy, ary ny mpitsara hanolotra anao amin' ny mpamatotra, ary ny mpamatotra hanao anao ao an-tranomaizina. **59** Lazaiko aminao fa tsy ho afaka ao ianao, ambara-pandoanao ny variraiventy farany indrindra.

13 Ary tamin' izany andro izany nisy ny sasany teo izay nanambara tamin' i Jesosy ny nanjo ny Galiliana, izay naharoharon' i Pilato tamin' ny fanatiny ny ràny. **2** Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Ataonareo va fa ireny Galiliana ireny no mpanota mihoatra noho ny Galiliana rehetra, satria nozoin' izany zavatra izany izy? **3** Tsia, hoy Izaho aminareo; fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra. **4** Ary ireny valo ambin' ny folo ireny, izay nianjeran' ny tilikambo tao Siloama ka maty, ataonareo va fa mpanota mihoatra noho ny olona rehetra izay monina ao Jerosalema ireny? **5** Tsia, hoy Izaho aminareo; fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra. **6** Ary nanao ity fanoharana ity Izy hoe: Nisy olona nanana aviavy nambolena teo an-tanim-boalobony; dia nankeo izy nitady voa taminy, fa tsy nahita. **7** Ka dia hoy izy tamin' ny mpamboatra ny tanim-boaloboka; Indro, efa telo taona izay aho no tonga nitady voa tamin' ity aviavy ity, fa tsy nahita; kapao io; nahoana io no manimba ny tany? **8** Fa ny mpamboatra namaly ka nanao taminy hoe: Tompoko, avelao ihany izy amin' ity taona ity mandra-pihadiko manodidina azy, ka hasiako zezika; **9** angamba mbola hamoa izy; fa raha tsy izany, dia hokapainao ihany. **10** Ary nampianatra tao amin' ny synagoga anankiray Jesosy tamin' ny Sabata. **11** Ary, indro, nisy vehivavy izay nanana fanahy mahafarofy valo ambin' ny folo taona, ary nanjoko izy ka tsy nahatraka akory. **12** Ary rehefa nahita azy Jesosy, dia niantso azy ka nanao taminy hoe: Ravehivavy, afaka amin' ny rofinao ianao. **13** Dia nametraka ny tànany taminy Izy; ary niaraka tamin' izay dia nitraka ravehivavy sady nankalaza an' Andriamanitra. **14** Ary ny mpanapaka ny synagoga dia tezitra, satria Jesosy nahasitrana tamin' ny Sabata, dia namaly ka nanao tamin' ny vahoaka hoe: Henemana no azo anaovan-draharaha; koa avia hositranina amin' izany, fa tsy amin' ny andro Sabata. **15** Fa namaly azy ny Tompo ka nanao hoe: Ry mpihatsaravelatsihy, moa tsy samy mamaha ny ombiny na ny borikiny hiala amin' ny fihinanam-bilona amin' ny Sabata va ianareo ka mitondra azy hisotro rano? **16** Koa ity vehivavy zanak' i Abrahama ity, izay efa nafatotr' i Satana izao valo ambin' ny folo taona izao, moa tsy tokony hovahana ho afaka amin' izany fatorana izany amin' ny andro Sabata va? **17** Ary raha nilaza izany Izy, dia nangaihay izay rehetra nanohitra Azy; fa ny vahoaka rehetra nifaly noho ny zavatra malaza rehetra nataony. **18** Dia hoy Jesosy: Tahaka ny inona ny fanjakan' Andriamanitra? ary inona no hanoharako azy? **19** Tahaka ny voan-tsinapy izy, izay nalain' olona ka namboleny tao an-tanimboly, ary naniry ka tonga haro; ary ny voro-manidina nitoetra tao amin' ny rantsany. **20** Ary hoy koa Jesosy: Inona no hanoharako ny fanjakan' Andriamanitra? **21** Tahaka ny masirasira izy, izay nalain' ny vehivavy anankiray ka nataony tao amin' ny koba intelon' ny famarana, mandra-pahazon' ny masirasira azy rehetra. **22** Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna sy ny vohitra nampianatra sady nandroso hankany Jerosalema. **23** Dia hoy ny anankiray taminy; Tompoko, moa vitsy va no hovonjena? Ary hoy Izy tamin' ny olona: **24** Miseseha hiditra amin' ny varavarana etỳ ianareo; fa hoy Izaho aminareo: Maro no hitady hiditra, fa tsy ho afaka. **25** Rehefa mitsangana ny tompon-trano ka manidy ny varavarana, ary ianareo mijanona eo alatrano mandondòna ny varavarana ka manao hoe: Tompoko, vohay izahay, dia hamaly Izy ka hanao aminareo hoe: Tsy fantatro na avy taiza na avy taiza ianareo; **26** ary amin' izay ianareo dia hanao hoe: Nihinana sy nisotro teo anatrehanao izahay, ary nampianatra teny an-dalambenay Hianao. **27** Fa Izy hiteny hoe: Lazaiko aminareo: Tsy fantatro na avy taiza na avy taiza ianareo; mialà amiko, ianareo rehetra mpanao meloka. **28** Any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify, raha mahita an' i Abrahama sy Isaka sy Jakoba ary ny mpaminany rehetra eo amin' ny fanjakan' Andriamanitra ianareo, fa ny tenanareo kosa dia voaroaka any ivelany. **29** Ary ho tonga avy any atsinanana sy avy any andrefana ary avy any avaratra sy avy any atsimo ireny ka hipetraka hihinana eo amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **30** Ary, indro, misy ny aoriana ho aloha, ary misy ny aloha ho aoriana. **31** Tamin' izany ora izany indrindra dia nisy Fariseo sasany nankeo amin' i Jesosy ka nanao taminy hoe: Mandehana Hianao, ka mialà eto; fa ta-hamono Anao Heroda. **32** Fa hoy Izy taminy: Mandehana, lazao amin' izany amboahaolo izany hoe: Indro, mamoaka demonia sy mahasitrana Aho anio sy ampitso, ary raha afaka ampitso dia hotanterahina ny amiko. **33** Kanefa tsy maintsy mandeha ihany Aho anio sy ampitso sy raha afaka ampitso; fa ny mpaminany tsy azo vonoina, raha tsy any Jerosalema. **34** Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminany sy mitorabato izay nirahina any aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao tahaka ny fanomban' ny akoho ny zanany ao ambanin' ny elany, fa tsy nety ianareo! **35** Indro, avela ho anareo ny tranonareo! ary lazaiko aminareo: Tsy hahita Ahy intsony ianareo mandra-pilazanareo hoe: Isaorana anie Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah.

14 Ary raha niditra mba hihinana tao an-tranon' ny loholona anankiray amin' ny Fariseo Izy tamin' ny Sabata, dia nizaha taratra Azy ireo. **2** Ary, indro, nisy olona manirano anankiray teo anatrehany. **3** Ary Jesosy namaly ka nanao tamin' ny mpahay lalàna sy ny Fariseo hoe: Mety va ny mahasitrana amin' ny Sabata, sa tsia? **4** Fa tsy niteny ireo. Ary Izy nanendry ilay marary, dia nahasitrana azy ka nandefa azy handeha. **5** Ary Izy nanao tamin' ireo hoe: Iza moa aminareo, raha manana boriky na omby latsaka ao an-davaka fantsakana, no tsy hampakatra azy miaraka amin' izay na dia amin' ny andro Sabata aza? **6** Ary tsy

nahavaly ny amin' izany zavatra izany izy. **7** Ary Jesosy nanao fanoharana tamin' izay nasaina, raha nahita azy mifidy ny fitoerana aloha, ka nanao taminy hoe: **8** Raha misy maka anao ho any amin' ny fampakaram-bady, aza mipetraka eo amin' ny fitoerana aloha, fandrao hisy olona nalaina izay mihaja kokoa noho ianao, **9** ary ho avy izay nanasa anao sy izy ka hilaza aminao hoe: Omeo toerana io olona io: dia ho menatra ianao ka hifindra ho any amin' ny fitoerana aoriana indrindra. **10** Fa raha misy manasa anao, mandehana ka mipetraha eo amin' ny fitoerana aoriana indrindra, ary rehefa tonga ilay nanasa anao, dia mahazo manao aminao hoe: Ry sakaiza, mandrosoa etsy alohaloha kokoa; dia hahazo haja eo imason' izay rehetra miara-mipetraka mihinana aminao ianao. **11** Fa izay rehetra manandra-tena no haetry; ary izay manetry tena no hasandratra. **12** Ary hoy Jesosy tamin' ilay nanasa Azy kosa: Raha manasa olona amin' ny sakafo antoandro na ny sakafo hariva ianao, dia aza ny sakaizanao, na ny rahalahinao, na ny havanao, na ny namanao manan-karena, no asainao, fandrao hanasa anao kosa ireo, ka dia ho voavaliny ianao. **13** Fa raha manao fanasana ianao, dia asao ny malahelo, ny kilemaina, ny mandringa, ny jamba; **14** dia ho sambatra ianao, satria tsy mba manan-kavaly ireo; fa hovaliana kosa ianao amin' ny fitsanganan' ny marina. **15** Ary ny anankiray tamin' izay niara-nipetraka nihinana taminy dia nandre izany ka nanao taminy hoe: Sambatra izay hihinan-kanina ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **16** Fa hoy Jesosy taminy: Nisy olona anankiray nanao fanasana lehibe ka nanasa olona maro. **17** Ary naniraka ny mpanompony izy tamin' ny fotoana fisakafoana hilaza amin' izay efa nasaina hoe: Andeha, fa efa voavoatra izao ny fanasana. **18** Fa izy rehetra dia nitovy saina, ka samy nanao fialàna. Hoy ny voalohany taminy: Efa nividy tany aho ka tsy maintsy mandeha hizaha azy; masìna ianao, ekeo ny fandavako. **19** Ary hoy ny anankiray koa: Efa nividy omby folo aho ka handeha hamantatra azy; masìna ianao, ekeo ny fandavako. **20** Ary hoy ny anankiray koa: Efa nampaka-bady aho, koa amin' izany tsy afaka mankany. **21** Ary nony tonga ilay mpanompo, dia nambarany tamin' ny tompony izany. Dia tezitra ny tompon-trano ka nanao tamin' ilay mpanompony hoe: Mandehana faingana ho eny amin' ny lalambe sy ny sakeli-dalana eto an-tanàna, ka ampidiro ny malahelo sy ny kilemaina sy ny jamba ary ny mandringa. **22** Ary hoy ilay mpanompo: Tompoko, efa natao izay nandidianao, ary mbola tsy feno ihany ny trano. **23** Ary hoy ny tompo tamin' ilay mpanompony: Mandehana ho eny amin' ny lalambe sy ny sisim-boly, ka tereo ny olona hiditra, mba ho feno ny tranoko. **24** Fa lazaiko aminareo: Tsy hisy hanandrana ny nahandroko ireny olona nasaiko ireny na dia iray akory aza. **25** Ary nisy vahoaka betsaka niaraka tamin' i Jesosy, dia nitodika Izy ka nanao taminy hoe: **26** Raha misy manaraka Ahy ka tsy mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny zanany sy ny rahalahiny sy ny anabaviny, eny, ary ny ainy koa aza, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy. **27** Na zovy na zovy no tsy mitondra ny hazo fijaliana ka tsy manaraka Ahy, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy. **28** Fa iza moa aminareo, raha ta-hanao tilikambo, no tsy mipetraka aloha mihevitra izay ho lany hanaovany izany, na misy hahavitany azy, na tsia? **29** fandrao, rehefa nanao ny fanorenana izy ka tsy mahavita, dia handatsa azy izay rehetra mahita **30** ka hanao hoe: Io olona io dia nanomboka nanao trano, fa tsy nahavita. **31** Ary iza moa no mpanjaka, raha handeha hiady amin' ny mpanjaka hafa, no tsy mipetraka aloha mba haka hevitra tsara, na mahay mandresy ilay mitondra roa alina amin' ny iray alina izy, na tsia? **32** Fa raha tsy izany, raha mbola lavitra ny mpanjaka anankiray, dia hampitondra teny izy ka hangataka fihavanana. **33** Ary toy izany koa ianareo rehetra, izay tsy mahafoy izay rehetra anananareo, dia tsy azo ekena ho mpianatro. **34** Koa tsara ny sira; fa raha ny sira aza no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? **35** Tsy mahasoa ny tany na ny zezika izy, fa harian' ny olona. Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy mihaino.

15 Ary ny mpamory hetra rehetra sy ny mpanota nanatona hihaino an' i Jesosy. **2** Dia nimonomonona ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna ka nanao hoe: Ilehity mandray ny mpanota ka miara-mihinana aminy. **3** Fa Izy nanao izao fanoharana izao taminy hoe: **4** Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray, no tsy mandao ny sivy amby sivi-folo any an-efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy? **5** ary rehefa hitany iny, dia ataony eo an-tsorony, ka dia faly izy; **6** ary rehefa tonga ao an-trano izy, dia mamory ny sakaizany sy ny namany ka manao aminy hoe: Avia hiara-mifaly amiko; fa efa hitako ilay ondriko very. **7** Lazaiko aminareo fa hisy fifaliana toy izany any an-danitra ny amin' ny mpanota iray izay mibebaka noho ny amin' ny olona marina sivy amby sivi-folo, izay tsy misy tokony hibebahany. **8** Ary iza moa no vehivavy manana farantsakely folo, ka very ny anankiray, no tsy mampirehitra jiro ka mifafa trano sy mitady fatratra mandra-pahitany azy? **9** Ary raha hitany iny, dia mamory ny vehivavy sakaizany sy ny namany izy ka manao hoe: Avia hiara-mifaly amiko; fa efa hitako ny farantsakely izay very. **10** Lazaiko aminareo fa misy fifaliana toy izany eo anatrehan' ny anjelin' Andriamanitra ny amin' ny mpanota iray izay mibebaka. **11** Ary hoy Jesosy: Nisy lehilahy anankiray nanana zanaka mirahalahy. **12** Ary hoy ilay zandriny tamin-drainy: Raiko, omeo ahy ny anjara-fananana tokony ho ahy. Dia nozarainy tamin' izy mirahalahy ny fananany. **13** Ary nony afaka kelikely, dia nangonin' ilay zandriny ny fananany rehetra, ka lasa nankany an-tany lavitra izy, dia nandany ny fananany tamin' ny fiveloman-dratsy tany. **14** Ary rehefa laniny avokoa ny fananany rehetra, dia nisy mosary mafy tamin' izany tany izany, ka nahantra izy. **15** Dia nandeha izy ka niankina tamin' ny tompon-tany anankiray tamin' izany tany izany, ary dia nirahiny tany an-tsahany hiandry kisoa. **16** Ary satriny hameno ny kibony tamin' ny voan-kazo fihinan' ny kisoa, fa tsy nisy nanome azy. **17** Ary raha nody ny sainy, dia hoy izy: Indrisy maro ny olona karamain' ny raiko manan-kanina be dia be, fa izaho kosa maty mosary eto! **18** Hiainga aho, dia hody any amin' ny raiko ka hanao aminy hoe:

Raiko ô, efa nanota tamin' ny lanitra sy teo anatrehanao aho **19** ka tsy miendrika hatao hoe zanakao intsony; fa ataovy tahaka ny anankiray amin' ny olona karamainao aho. **20** Dia niainga izy ka nankany amin-drainy. Fa raha mbola lavitra izy, dia tazan-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka, dia namihina ny vozony sady nanoroka azy. **21** Ary ilay zanany nanao taminy hoe: Raiko ô, efa nanota tamin' ny lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy miendrika hatao hoe zanakao intsony. **22** Fa rainy kosa nanao tamin' ny ankizilahiny hoe: Alao haingana ny akanjo tsara indrindra ka ampiakanjoy azy; ary asio peratra ny tànany sy kapa ny tongony; **23** ary ento ny zanak' omby nafahy, ka vonoy; ary aoka isika hihinana sy hifaly; **24** fa ity zanako ity efa maty, fa velona indray, ary efa very, fa hita indray. Dia nifaly izy. **25** Fa tany an-tsaha ny zanany lahimatoa; ary nony nody izy ka mby teo akaiky ny trano, dia nandre zava-maneno sy dihy. **26** Ary niantso ankizilahy anankiray izy ka nanontany azy izay anton' izany zavatra izany. **27** Ary hoy ilay ankizilahy taminy: Tonga ny rahalahinao, ka namono ny zanak' omby nafahy ny rainao, satria efa tafaverina soa aman-tsara ato aminy izy. **28** Dia tezitra izy ka tsy nety niditra; ary nivoaka rainy ka nampandroso azy. **29** Fa izy namaly ka nanao tamin-drainy hoe: Indro, izay ela izay aho no efa nanompo anao ka tsy mbola nandika ny didinao na dia indray mandeha akory aza; nefa izaho tsy mbola nomenao na dia zanak' osy aza mba hifaliako amin' ny sakaizako; **30** fa raha vao tonga kosa io zanakao io, izay efa nandany ny fananana tamin' ny vehivavy janga, dia namono ho azy ny zanak' omby nafahy ianao. **31** Ary hoy rainy taminy: Anaka, ianao eto amiko mandrakariva, ary anao avokoa izay rehetra ananako. **32** Fa mety ny mifaly sy miravoravo; fa ity rahalahinao ity efa maty, fa velona indray, ary efa very, fa hita indray.

16 Ary hoy koa Jesosy tamin' ny mpianatra: Nisy olona manan-karena anankiray nanana mpitandrina ny fananany; ary ilehiny dia nampangain' olona taminy fa mandany ny fananany. **2** Ary nampaka azy izy ka nanao taminy hoe: Ahoana izao fandrenesako anao izao? Mamoaha ny amin' ny fitandremanao ny fananako; fa tsy mahazo mitandrina ny fananako intsony ianao. **3** Ary ilay mpitandrina ny fananana nanao anakampo hoe: Inona ange no hataoko, fa esorin' ny tompoko amin' ny fitandremana ny fananany aho? Ny miasa tany tsy tratry ny aiko; ny mangataka mahamenatra ahy. **4** Fantatro izay hataoko, mba hisy handray ahy ho ao an-tranony, rehefa voaisotra amin' ny fitandremana ny fananana aho. **5** Dia niantso izay rehetra nitrosa tamin' ny tompony izy hankao aminy ka nanao tamin' ny voalohany hoe: Hoatrinona no trosan' ny tompoko aminao? **6** Ary hoy io: Diloilo injaton' ny famarana. Dia hoy izy taminy koa: Inty, raiso ny taratasinao, ary mipetraha faingana, ka dimam-polo no soraty. **7** Dia hoy izy tamin' ny anankiray koa: Hoatrinona kosa no trosa aminao? Ary hoy izy: Vary injaton' ny famarana. Dia hoy izy taminy koa: Inty, raiso ny taratasinao ka valo-polo no soraty. **8** Ary ny tompony nidera ilay mpitandrina tsy marina, satria nanan-tsaina izy; fa ny zanak' izao tontolo izao dia manan-tsaina kokoa ny amin' ny karazany noho ny zanaky ny mazava. **(aiōn g165)** **9** Ary hoy Izaho aminareo: Aoka ny mamôna tsy marina ho entinareo mahazo sakaiza, mba horaisin' ireo ho any amin' ny fonenana mandrakizay ianareo, rehefa lany izany. **(aiōnios g166)** **10** Ary izay mahatoky amin' ny kely indrindra dia mahatoky koa amin' ny be; ary izay tsy marina amin' ny kely indrindra dia tsy marina koa amin' ny be. **11** Koa raha tsy mahatoky amin' ny mamôna tsy marina ianareo, iza no hatoky anareo ny amin' ny tena harena? **12** Ary raha tsy mahatoky amin' izay an' olona ianareo, iza no hanome anareo izay anareo? **13** Tsy misy mpanompo mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an' Andriamanitra sy mamôna ianareo. **14** Ary ny Fariseo, izay fatra-pitia vola, raha nandre izany rehetra izay, dia naneso an' i Jesosy. **15** Ary hoy Jesosy taminy: Hianareo dia mpanamarin-tena eo anatrehan' ny olona, nefa Andriamanitra mahalala ny fonareo; fa izay zavatra heverin' ny olona ho ambony dia fahavetavetana eo anatrehan' Andriamanitra. **16** Ny lalàna sy ny mpaminany dia hatramin' i Jaona; ary hatramin' izany no efa nitoriana ny filazantsaran' ny fanjakan' Andriamanitra, ary misesika izay rehetra miditra eo. **17** Fa ho moramora kokoa ny hahafoanan' ny lanitra sy ny tany noho ny hahafoanan' ny tendron-tsoratra iray monja aza amin' ny lalàna. **18** Izay rehetra misao-bady ka mampakatra ny hafa dia mijangajanga; ary izay mampakatra vehivavy voasaotra dia mijangajanga koa. **19** Nisy lehilahy manan-karena anankiray niakanjo volomparasy sy rongony fotsy madinika sady nanaram-po fatratra isan' andro tamin' ny fahafinaretana. **20** Ary nisy olo-malahelo ferena anankiray atao hoe Lazarosy napetraka teo anilan' ny vavahadiny; **21** ary naniry mba hihinana izay latsaka avy tamin' ny latabatr' ilay manan-karena izy, fa ny alika kosa no avy ka nilelaka ny feriny. **22** Ary maty ilay malahelo, dia nentin' ny anjely ho any an-tratran' i Abrahama; ary maty koa ilay manan-karena, dia nalevina; **23** ary raha nijaly tao amin' ny fiainan-tsi-hita izy ka niandrandra, dia nahita an' i Abrahama teny lavitra eny sy Lazarosy teo an-tratrany. **(Hadēs g86)** **24** Ary izy niantso ka nanao hoe: Ry Abrahama raiko ô, mamindrà fo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron' ny rantsan-tanany amin' ny rano mba hampangatsiaka ny lelako; fa fadiranovana aho eto anatin' ity lelafo ity. **25** Fa hoy Abrahama: Anaka, tsarovy fa ianao efa nahazo ny zava-tsoanao tamin' ny andro niainanao, ary Lazarosy kosa ny zava-dratsy; fa ankehitriny izy no ampifalinay atỳ, ary ianao kosa no fadiranovana. **26** Ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana makadiry ajadona ao anelanelantsika, mba tsy ho afa-mita hankeny aminareo izay te-hiala etỳ, ary ny ho afa-mita hanketỳ aminay izay eny. **27** Dia hoy izy: Mangataka aminao ary aho, ry raiko: mba iraho Lazarosy hankany amin' ny tranon' ny raiko **28** (fa manana rahalahy dimy aho), mba hilaza tsara aminy, fandrao mba ho tongay amin' ity fijaliana ity koa izy. **29** Fa hoy Abrahama taminy: Manana an' i Mosesy sy ny mpaminany izy; aoka hihaino ireo izy. **30** Fa hoy kosa izy:

Tsia, ry Abrahama, raiko; fa raha misy miala amin' ny maty hankany aminy, dia hibebaka izy. **31** Fa hoy Abrahama taminy: Raha tsy mihaino an' i Mosesy sy ny mpaminany izy, dia tsy hety hino izy, na dia misy mitsangana amin' ny maty aza.

17 Ary hoy Jesosy tamin' ny mpianany: Tsy maintsy ho avy ny fahatafintohinana; nefa lozan' izay olona mahatonga izany! **2** Aleo anantonana vato lehibe fikosohambary ny vozony, ka atsipy any an-dranomasina izy, toy izay hahatafintohina na dia ny anankiray amin' ireo madinika ireo aza. **3** Mitandrema ianareo; fa raha manota ny rahalahinao, dia teneno mafy izy, ka raha mibebaka izy, dia mamelà ny helony. **4** Ary raha manota aminao impito indray andro izy, ary mivalo aminao impito kosa manao hoe; Mibebaka aho, dia mamelà ny helony. **5** Ary hoy ny Apostoly tamin' ny Tompo: Ampitomboy ny finoanay. **6** Fa hoy ny Tompo: Raha manana finoana na dia hoatra ny voan-tsinapy iray aza ianareo, dia azonareo lazaina amin' io vorihazo io hoe: Miongota, ary aoka hambolena ao anatin' ny ranomasina, dia hanaiky anareo izy. **7** Ary iza moa aminareo no manana mpanompo miasa tany, na miandry ondry, ka raha tonga avy tany an-tsaha ilay mpanompo, dia hanao aminy hoe: Avia faingana, ka mipetraha hihinana? **8** Fa tsy hilaza aminy kosa hoe va izy: Manamboara izay hisakafoako, ary misikìna, ka manompoa ahy ambara-pihinako sy hisotroako; fa rehefa vita izany, dia vao mahazo mihinana sy misotro ianao? **9** Moa misaotra izany mpanompo izany va izy, satria nataony izay nandidiany? **10** Dia tahaka izany koa ianareo, rehefa vitanareo izay rehetra nandidiana anareo, dia ataovy hoe: Mpanompo ny mahasoa izahay; ny tokony ho nataonay ihany no efa nataonay. **11** Ary raha niakatra ho any Jerosalema Jesosy, dia nandeha namaky an' i Samaria sy Galilia. **12** Ary raha niditra tao amin' ny vohitra anankiray Izy, dia nisy boka folo lahy nifanena taminy, izay nijanona teny lavitra eny. **13** Ary izy ireo niantso mafy nanao hoe: Ry Jesosy Tompo ô, mamindrà fo aminay. **14** Ary raha hitany ireo, dia hoy Izy taminy: Mandehana, misehoa amin' ny mpisorona. Ary rehefa lasa izy ireo, dia nadio teny ampandehanana. **15** Ary ny anankiray tamin' ireo, raha nahita fa sitrana izy, dia niverina ka nankalaza an' Andriamanitra tamin' ny feo mahery **16** sady niankohoka tamin' ny tongotr' i Jesosy ka nisaotra Azy; ary Samaritana iny lehilahy iny. **17** Dia namaly Jesosy ka nanao hoe: Tsy efa voadio avokoa va izy folo lahy? fa aiza ny sivy? **18** Moa tsy nisy hita niverina hanome voninahitra an' Andriamanitra afa-tsy ity olona hafa firenena ity ihany va? **19** Ary hoy Izy taminy: Mitsangàna, mandehana; ny finoanao no efa nahavonjy anao. **20** Ary Jesosy, nony nanontanian' ny Fariseo izay andro hihavian' ny fanjakan' Andriamanitra, dia namaly azy hoe: Tsy misehoseho no fihavin' ny fanjakan' Andriamanitra. **21** Ary ny olona tsy hanao hoe: Indro, etỳ! na erỳ! fa, indro, ny fanjakan' Andriamanitra dia ao anatinareo. **22** Ary hoy Izy tamin' ny mpianatra: Ho avy ny andro hanirianareo hahita ny anankiray amin' ny andron' ny Zanak' olona, nefa tsy hahita ianareo. **23** Ary ny olona hilaza aminareo hoe: Indro, erỳ! na: Indro, etỳ! nefa aza mandeha ianareo, na manaraka azy. **24** Fa tahaka ny helatra manelatra hatramin' ny faravodilanitra ka mahazava hatramin' ny farany koa, dia ho toy izany ny Zanak' olona amin' ny androny, **25** Fa tsy maintsy mijaly mafy Izy aloha ka holavin' ity taranaka ity. **26** Ary tahaka ny tamin' ny andron' i Noa, dia hisy toy izany koa amin' ny andron' ny Zanak' olona: **27** nihinana izy, nisotro izy, nampaka-bady izy, navoaka hampakarina izy, mandrapihavin' ny andro izay nidiran' i Noa tao amin' ny sambofiara, dia tonga ny Safo-drano ka nandringana azy rehetra. **28** Ary tahaka ny tamin' ny andron' i Lota koa: nihinana izy, nisotro izy, nivarotra izy, namboly izy, nanao trano izy; **29** fa tamin' ny andro izay nivoahan' i Lota avy tao Sodoma, dia nisy afo sy solifara nilatsaka avy tany an-danitra ka nandringana azy rehetra. **30** Dia ho tahaka izany koa amin' ny andro hisehoan' ny Zanak' olona. **31** Amin' izany andro izany izay eo an-tampon-trano, ary ny entany ao an-trano, dia aoka tsy hidina haka izany; ary toy izany koa izay any an-tsaha, aoka tsy hiverina amin' izay efa nilaozany izy. **32** Tsarovy ny vadin' i Lota. **33** Na zovy na zovy mitady hamonjy ny ainy dia hahavery azy; ary na zovy na zovy no hahavery ny ainy dia hahazo izany. **34** Lazaiko aminareo fa amin' izany alina izany hisy roa lahy miray fandriana; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela. **35** Hisy roa vavy miara-mitoto vary; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela. **37** Dia namaly izy ireo ka nanao taminy hoe: Aiza, Tompoko? Ary hoy Izy taminy: Izay itoeran' ny faty, dia any koa no hiangonan' ny voromahery.

18 Ary Jesosy nilaza fanoharana taminy, fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka, **2** dia nanao hoe: Nisy mpitsara tao an-tanàna anankiray, izay tsy natahotra an' Andriamanitra, na mena-maso olona. **3** Ary nisy mpitondratena tao amin' izany tanàna izany, izay nankao aminy matetika ka nanao hoe: Omeo rariny aho amin' ilay manana ady amiko. **4** Ary tsy nanaiky izy aloha; fa rehefa afaka izany, dia nanao anakampo hoe izy: Na dia tsy matahotra an' Andriamanitra aza aho sady tsy mena-maso olona, **5** mba homeko rariny ihany io mpitondratena io, fa manahirana ahy izy, fandrao ho avy mandrakariva izy ka hampahasosotra ahy. **6** Ary hoy ny Tompo: Henoy izay lazain' ilay mpitsara tsy marina. **7** Fa Andriamanitra tsy hanome rariny ny olom-boafidiny va, izay mitaraina aminy andro aman' alina, ary moa hitaredretra va Izy? **8** Lazaiko aminareo fa homeny rariny faingana izy. Kanefa, raha avy ny Zanak' olona, moa hahita finoana etỳ ambonin' ny tany va Izy? **9** Ary Jesosy nanao ity fanoharana ity tamin' ny sasany izay natoky tena ho marina ka namingavinga ny hafa; **10** Nisy roa lahy niakatra teo an-kianjan' ny tempoly hivavaka, ny anankiray Fariseo, ary ny anankiray mpamory hetra. **11** Ilay Fariseo nitsangana ka nivavaka nitokana hoe: Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona sasany, izay mpanao an-keriny, tsy marina, mpijangajanga, na tahaka io mpamory hetra io aza. **12** Mifady indroa isankerinandro aho; mandoa ny fahafolon-karena amin' izay azoko rehetra aho. **13** Fa ilay mpamory hetra kosa nijanona teny lavitra eny, sady tsy nety niandrandra ny lanitra akory,

fa niteha-tratra ka nanao hoe: Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota. **14** Lazaiko aminareo: Izany lehilahy izany nidina tany an-tranony efa nohamarinina noho ny anankiray; fa izay rehetra manandra-tena no haetry, ary izay rehetra manetry tena no hasandratra. **15** Ary nisy nitondra zazakely koa ho eo amin' i Jesosy mba hotendreny; fa raha vao nahita izany ny mpianatra, dia nandrara azy. **16** Fa Jesosy niantso ireo hankeo aminy ka nanao hoe: Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna; fa an' ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra. **17** Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no ny handray ny fanjakan' Andriamanitra tahaka ny zaza, dia tsy ho tafiditra aminy akory. **18** Ary nisy mpanapaka anankiray nanontany Azy hoe: Mpampianatra tsara ô, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay? **(aiōnios g166)** **19** Fa hoy Jesosy taminy: Nahoana Aho no ataonao tsara? Tsy misy tsara afa-tsy Iray ihany, dia Andriamanitra. **20** Fantatrao ny didy hoe: Aza mijangajanga, Aza mamono olona, Aza mangalatra, Aza mety ho vavolombelona mandainga, Manajà ny rainao sy ny reninao. **21** Ary hoy kosa izy: Izany rehetra izany dia efa notandremako hatry ny fony aho mbola kely. **22** Ary rehefa nandre izany Jesosy, dia hoy Izy taminy: Mbola diso zavatra iray loha ianao: amidio ny fanananao rehetra, ka zarao ho an' ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia, manaraha Ahy. **23** Ary rehefa nandre izany ralehilahy, dia nalahelo loatra; fa nanan-karena dia nanan-karena izy. **24** Ary Jesosy, raha nijery azy, dia nanao hoe: Manao ahoana ny hasarotry ny hidiran' ny manan-karena amin' ny fanjakan' Andriamanitra! **25** Fa ho moramora kokoa ny hidiran' ny rameva amin' ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran' ny manan-karena amin' ny fanjakan' Andriamanitra! **26** Ary izay nandre dia nanao hoe: Iza indray moa no azo hovonjena? **27** Fa hoy Jesosy: Izay zavatra tsy hain' ny olona dia hain' Andriamanitra. **28** Dia hoy Petera: Indro, izahay efa nahafoy izay nety ho anay ka nanaraka Anao. **29** Ary hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy misy olona izay efa nahafoy trano, na vady, na rahalahy, na ray, na reny, na zanaka, noho ny fanjakan' Andriamanitra, **30** izay tsy handray be lavitra amin' izao andro ankehitriny izao, ary amin' ny andro ho avy dia fiainana mandrakizay. **(aiōn g165, aiōnios g166)** **31** Ary Jesosy naka ny roa ambin' ny folo lahy ka nanao taminy hoe: Indro, miakatra ho any Jerosalema isika, dia ho tanteraka ny zavatra rehetra izay voasoratry ny mpaminany ny amin' ny Zanak' olona. **32** Fa hatolotra ho amin' ny jentilisa Izy, dia hataony fihomehezana sy hisetrasetrany sy hororany **33** ary hokapohiny sy hovonoiny, ary amin' ny andro fahatelo dia hitsangana Izy. **34** Nefa tsy nisy azony akory izany teny izany, fa nafenina taminy izy ka dia tsy fantany izay nolazainy. **35** Ary raha Jesosy nanakaiky an' i Jeriko, dia indro jamba anankiray nipetraka nangataka teo amoron-dalana. **36** Ary raha nandre ny vahoaka mandalo izy, dia nanontany hoe: Inona izany? **37** Ary hoy ny olona taminy: Jesosy avy any Nazareta no mandalo. **38** Dia niantso mafy ralehilahy ka nanao hoe: Ry Jesosy, Zanak' i Davida ô, mamindrà fo amiko. **39** Ary izay nandeha teny aloha dia niteny mafy azy mba hangina, fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe: Ry Zanak' i Davida ô, mamindrà fo amiko. **40** Ary Jesosy nijanona, dia nasainy ho entina eo aminy ralehilahy; ary rehefa mby akaiky izy, dia nanontany azy Jesosy **41** ka nanao hoe: Inona moa no tianao hataoko aminao? Ary hoy izy: Tompoko, ny mba hampahiratina ny masoko. **42** Dia hoy Jesosy taminy: Mahirata ny masonao; ny finoanao no efa nahavonjy anao. **43** Ary niaraka tamin' izay dia nahiratra ny masony, ka nanaraka an' i Jesosy izy sady nankalaza an' Andriamanitra; ary ny vahoaka rehetra, raha nahita, dia nidera an' Andriamanitra.

19 Ary Jesosy niditra ka nandeha namaky an' i Jeriko. **2** Ary, indro, nisy lehilahy atao hoe Zakaiosy, izay lehiben' ny mpamory hetra sady nanan-karena. **3** Ary nitady hahita izay Jesosy izy, kanefa ny afaka noho ny habetsahan' ny olona nifanety, satria fohy izy. **4** Dia nihazakazaka nialoha izy ka nananika aviavy hizaha an' i Jesosy; fa efa handalo tamin' izany lalana izany Izy. **5** Ary rehefa tonga teo Jesosy, dia niandrandra ka nanao taminy hoe: Ry Zakaiosy, midìna faingana; fa tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao Aho anio. **6** Dia nidina faingana izy ka nampiantrano Azy sady faly. **7** Ary raha nahita izany izy rehetra, dia nimonomonona ka nanao hoe: Lasa nandeha hiantrano amin' izay lehilahy mpanota Izy. **8** Fa Zakaiosy kosa nitsangana ka nanao tamin' ny Tompo hoe: Indro, Tompoko, ny antsasaky ny fananako omeko ho an' ny malahelo; ary raha misy zavatr' olona nalaiko tamin' ny fanambakana, dia honerako avy efatra heny izany. **9** Ary hoy Jesosy taminy: Anio no tonga eto amin' ity trano ity ny famonjena, fa izy dia zanak' i Abrahama koa. **10** Fa efa tonga ny Zanak' olona hitady sy hamonjy ny very. **11** Ary raha mbola nihaino izany ny olona, dia nandroso niteny ihany Jesosy ka nanao fanoharana, satria efa akaiky an' i Jerosalema Izy, ka nataon' ny olona fa hiseho faingana ny fanjakan' Andriamanitra. **12** Dia hoy Izy: Nisy andriandahy anankiray nandeha nankany an-tany lavitra mba handray fahefana hanjaka, dia hiverina. **13** Dia niantso folo lahy tamin' ny mpanompony izy ary nanome azy farantsa folo ka nanao taminy hoe: Mandrantoa mandra-pihaviko. **14** Fa ny vahoakany nankahala azy, dia nampitondra reny nanaraka azy nanao hoe: Tsy manaiky hanjakan' iny lehilahy iny izahay. **15** Ary nony tafaverina izy, rehefa nandray fahefana hanjaka, dia nasainy nantsoina hankeo aminy izany mpanompo nomeny ny vola izany mba hahitany izay azony tamin' ny fandrantoana. **16** Dia tonga ny voalohany ka nanao hoe: Tompoko, ny farantsanao iray efa nahazoana tombony farantsa folo. **17** Ary hoy izy taminy: Tsara izany, ry mpanompo tsara; satria nahatoky tamin' ny kely indrindra ianao, dia manapaha tanàna folo. **18** Dia tonga ny anankiray koa ka nanao hoe: Tompoko, ny farantsanao iray efa tonga farantsa dimy. **19** Ary hoy koa izy tamin' io: Manapaha tanàna dimy koa ianao. **20** Fa tonga kosa ny anankiray ka nanao hoe: Tompoko, indry ny farantsanao, izay notehiriziko voafono amin' ny mosara. **21** Fa natahotra anao aho, satria olona mila voatsiary ianao ka maka izay tsy napetrakao, ary mijinja

izay tsy nafafinao. **22** Ary hoy ny tompony taminy: Ny vavanao no hitsarako anao, ry mpanompo ratsy fanahy: fantatrao fa izaho dia olona mila voatsiary ka maka izay tsy napetrako, ary mijinja izay tsy nafafiko; **23** koa nahoana no tsy napetrakao tamin' ny mpanana vola ny volako, ka rehefa tonga aho, dia ho nandray ny ahy mban-janany? **24** Ary hoy izy tamin' izay nitsangana teo anilany: Alao ny farantsa eny aminy, ka omeo ilay manana farantsa folo **25** (Fa hoy ireo taminy: Tompoko, efa manana farantsa folo izy.) **26** Lazaiko aminareo: Izay rehetra manana dia homena; fa ny amin' izay tsy manana, na dia izay ananany aza dia halaina aminy. **27** Fa ireo fahavaloko tsy nanaiky hanjakako ireo, dia ento atỳ, ka vonoy eto anatrehako. **28** Ary rehefa niteny izany Izy, dia nandeha nialoha hiakatra ho any Jerosalema. **29** Ary raha nanakaiky an' i Betifaga sy Betania teo an-tendrombohitra atao hoe Oliva Izy, dia naniraka roa lahy tamin' ny mpianatra **30** ka nanao hoe: Mankanesa amin' iroa vohitra tandrifinareo iroa; ary raha vao miditra ao ianareo, dia hisy zana-boriky mifatotra ho hitanareo, izay tsy mbola nitaingenan' olona; vahao izy, ka ento erỳ. **31** Ary raha misy manontany anareo hoe: Nahoana no vahanareo io? dia izao no holazainareo: Misy raharaha analan' ny Tompo azy. **32** Ary nony nandeha ireo nirahina, dia nahita araka izay nolazainy taminy. **33** Ary raha namaha ny zana-boriky izy, dia hoy ny tompony taminy: Nahoana no vahanareo ny zana-boriky? **34** Ary hoy izy: Misy raharaha analan' ny Tompo azy. **35** Dia nitondra azy ho any amin' i Jesosy izy ary nametraka ny lambany teo ambonin' ny zana-boriky, ka nampitaingeniny azy Jesosy. **36** Ary raha nandeha Jesosy, dia namelatra ny lambany teny an-dalana izy lreo. **37** Ary rehefa nanakaiky Izy ka tonga teo am-pidinana amin' ny tendrombohitra Oliva, dia nifaly avokoa ny mpianatra maro be ka nidera an' Andriamanitra tamin' ny feo mahery noho ny asa lehibe rehetra izay efa hitany **38** ka nanao hoe: Isaorana anie ny Mpanjaka, Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah. Fiadanana any an-danitra, ary voninahitra any amin' ny avo indrindra. **39** Fa ny Fariseo sasany, izay teo amin' ny vahoaka, nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, rarao ny mpianatrao. **40** Fa Izy namaly ka nanao hoe: Lazaiko aminareo fa raha mangìna ireo, dia ny vato no hiantsoantso. **41** Ary raha nanakaiky Izy ka nahita ny tanàna, dia nitomany azy **42** ka nanao hoe: Raha mba nahafantatra mantsy ianao na dia amin' ity andro ity aza izay momba ny fiadanana! — fa ankehitriny miafina amin' ny masonao izany. **43** Fa ho avy aminao ny andro izay hananganan' ny fahavalonao tovon-tany manodidina anao, dia hanemitra anao izy ka hanidy anao manodidina **44** ary hamongotra anao hatramin' ny tany mbamin' ny zanakao ao anatinao, ka tsy havelany hisy vato mifanongoa eo aminao, ho valin' ny tsy nahafantaranao ny andro namangiana anao. **45** Ary niditra teo an-kianjan' ny tempoly Jesosy, dia nandroaka izay nivarotra **46** ka nanao taminy hoe: Efa voasoratra hoe: Ny tranoko dia trano fivavahana; fa ianareo kosa nanao azy ho zohy fieren' ny jiolahy. **47** Ary nampianatra isan' andro teo an-kianjan' ny tempoly Izy. Fa ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna ary ny loholona nitady hahafaty Azy; **48** nefa tsy hitany izay hataony, satria ny vahoaka rehetra nazoto dia nazoto hihaino Azy.

20 Ary tamin' ny andro anankiray, raha nampianatra ny olona teo an-kianjan' ny tempoly Jesosy ka nitory ny filazantsara, dia nanatona ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna ary ny loholona **2** ka niteny taminy hoe: Lazao aminay: Fahefana manao ahoana no anaovanao izao zavatra izao? ary iza no nanome Anao izany fahefana izany? **3** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izaho kosa mba hanontany anareo zavatra iray loha, ka lazao amiko: **4** Ny batisan' i Jaona avy tany an-danitra va, sa avy tamin' ny olona? **5** Dia niara-nisaina izy ka nanao hoe: Raha holazaintsika hoe mantsy: Avy tany an-danitra, dia hataony hoe: Nahoana no tsy nino azy ianareo? **6** Fa raha holazaintsika hoe kosa: Avy tamin' ny olona, dia hitora-bato antsika ny vahoaka rehetra, satria inoany ho mpaminany Jaona. **7** Dia namaly ireo fa tsy fantany izay nihaviany. **8** Ary Jesosy nanao taminy hoe: Izaho kosa tsy hilaza aminareo izay fahefana anaovako izao zavatra izao. **9** Dia nilaza izao fanoharana izao tamin' ny olona Izy ka nanao hoe: Nisy lehilahy anankiray nanao tanim-boaloboka, ka nahofany tamin' olona mpiasa tany izany, dia nandeha nitoetra ela tany an-tany hafa izy. **10** Ary tamin' ny fotoana dia naniraka mpanompo hankany amin' ny mpiasa tany izy mba handray amin' ny vokatry ny tanim-boaloboka; fa ny mpiasa tany nikapoka azy ka nampandeha azy maina. **11** Dia naniraka mpanompo anankiray koa izy; ary nokapohiny mafy koa iny sady nalany baraka ka nampandehaniny maina. **12** Dia naniraka anankiray koa izy; ary iny koa dia nataony naratra ka noroahiny. **13** Dia hoy ny tompon' ny tanim-boaloboka: Inona re no hataoko? Haniraka ny zanako malalako aho; angamba hanaja azy izy. **14** Fa raha nahita iny ny mpiasa tany, dia niara-nisaina izy ka nanao hoe: Ity no mpandova; andeha hovonointsika io, mba ho antsika ny lova. **15** Dia namoaka azy tany ivelan' ny tanim-boaloboka izy ka namono azy. Hataon' ny tompon' ny tanim-boaloboka ahoana moa izy amin' izany? **16** Hankany izy, dia hamono ireo mpiasa tany ireo, ka homeny olon-kafa ny tanim-boaloboka. Ary raha nahare izany ireo, dia hoy izy: Sanatria izany! **17** Ary Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Ahoana moa izao voasoratra izao: Ny vato izay nolavin' ny mpanao trano, Dia izy no efa natao fehizoro? **18** Izay rehetra potraka amin' izany vato izany dia ho torotoro; fa na iza na iza no ianjerany dia ho mongomongo. **19** Ary tamin' izany ora izany dia nitady hisambotra Azy ny mpanora-dalàna sy ny lohan' ny mpisorona; nefa natahotra ny olona izy, satria fantany fa izy no nolazainy tamin' izany fanoharana izany. **20** Ary nizaha taratra an' i Jesosy izy ka naniraka mpitsikilo, izay nody ho marina, mba hamandrika Azy amin' ny teniny, hanolorany Azy ho amin' ny hery sy ny fahefan' ny governora. **21** Ary ireo nanontany Azy ka nanao hoe: Mpampianatra ô, fantatray fa miteny sy mampianatra marina Hianao ka tsy mizaha tavan' olona, fa mampianatra marina ny lalan' Andriamanitra: **22** Mety va raha mandoa vola hetra ho an' i Kaisara izahay, sa tsia? **23** Fa Jesosy nahafantatra ny

fihendreny ka nanao taminy hoe: **24** Mampisehoa denaria amiko. An' iza moa io sary sy soratra eo aminy io? Hoy ireo: An' i Kaisara. **25** Dia hoy Jesosy taminy: Aloavy ho an' i Kaisara ary izay an' i Kaisara, ary ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra. **26** Ary tsy sahiny nitanana Azy teo anatrehan' ny olona izany teny izany sady gaga izy noho ny famaliny ka nangina. **27** Ary ny sasany tamin' ny Sadoseo, izay milaza fa tsy misy fitsanganan' ny maty, dia nanatona ka nanontany Azy hoe: **28** Mpampianatra ô, Mosesy nanoratra ho antsika hoe: Raha misy manandrahalahy maty momba, ka mbola velona ny vadin' ny maty, dia aoka ny rahalahiny hampakatra an-dravehivavy ka hiteraka hamelo-maso ny rahalahiny. **29** Koa nisy fito mirahalahy; ary ny zokiny nampaka-bady, dia maty momba. **30** Ary ny faharoa **31** sy ny fahatelo koa nampakatra azy; ary tahaka izany avokoa no nataon' izy fito mirahalahy; nefa maty momba avokoa izy. **32** Ary farany dia maty koa ravehivavy. **33** Koa amin' ny fitsanganan' ny maty ho vadin' iza moa ravehivavy? fa samy efa nanambady azy avokoa izy fito mirahalahy. **34** Ary Jesosy nanao taminy hoe: Ny zanak' izao fiainana izao dia mampaka-bady sady avoaka hampakarina; **(aiōn g165)** **35** fa izay atao miendrika hahazo izany fiainana izany sy ny fitsanganana amin' ny maty kosa dia tsy raha mampaka-bady, na avoaka hampakarina; **(aiōn g165)** **36** ary tsy mety maty intsony izy, fa mitovy amin' ny anjely sady zanak' Andriamanitra, satria zanaky ny fitsanganana amin' ny maty. **37** Ary Mosesy aza nanambara teo amin' ilay teny milaza ny Voaroy fa hatsangana ny maty, raha nilaza an' i Jehovah hoe Andriamanitr' i Abrahama sy Andriamanitr' isaka ary Andriamanitr' i Jakoba. **38** Fa Izy tsy mba Andriamanitry ny maty, fa an' ny velona; fa velona ho an' Andriamanitra avokoa izy rehetra. **39** Ary ny mpanora-dalàna sasany namaly ka nanao hoe: Mpampianatra ô, marina izay nolazainao. **40** Fa tsy nisy sahy nanontany Azy intsony ireo. **41** Ary hoy Jesosy taminy: Ahoana no lazaina fa Kristy no Zanak' i Davida? **42** Fa Davida ihany no milaza eo amin' ny bokin' ny Salamo hoe: Jehovah nilaza tamin' ny Tompoko hoe: Mipetraha eo antanako ankavanana **43** Ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran' ny tongotrao. **44** Davida amin' izany manao Azy hoe Tompo; koa ahoana no maha-zanany Azy? **45** Ary hoy Jesosy tamin' ny mpianany teo anatrehan' ny olona rehetra: **46** Mitandrema ny amin' ny mpanora-dalàna, izay mazoto mandehandeha miakanjo akanjo lava, ary tehoharabain' ny olona eny an-tsena, sady tia ny fipetrehana aloha eo amin' ny synagoga sy ny fitoerana aloha eo amin' ny fanasana, **47** ary mandany ny tranon' ny mpitondratena sy manao vavaka lavareny mba ho fiolahana; ireo dia hahazo fahamelohana mafimafy kokoa.

21 Ary Jesosy nanopy ny masony nahita ny mpanankarena mandatsa-drakitra tao amin' ny fandatsahan-drakitra; **2** ary nahita mpitondratena malahelo anankiray koa mandatsaka farantsakely roa teo Izy. **3** Dia hoy Izy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izy rehetra. **4** Fa ireo rehetra ireo, dia tamin' ny haben' ny fananany no nandatsahany tao amin' ny rakitra; fa izy kosa tamin' ny fahantrany no nandatsahany ny fivelomany rehetra izay nananany. **5** Ary nisy nilaza ny tempoly, fa voaravaka vato tsara sy fanatitra izy; fa hoy Jesosy: **6** Ny amin' ireo zavatra hitanareo ireo, dia ho avy ny andro, ka tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana. **7** Ary izy ireo nanontany Azy hoe: Mpampianatra ô, rahoviana no ho avy izany? ary inona no ho famantarana, rehefa ho tonga izany? **8** Ary hoy Izy: Mitandrema, fandrao ho voafitaka ianareo; fa maro no ho avy amin' ny anarako sady hanao hoe: Izaho no Izy; ary koa: Efa akaiky ny andro; koa aza manaraka azy. **9** Ary raha handre ady sy tabataba ianareo, aza matahotra; fa tsy maintsy ho tonga aloha izany, nefa tsy dia miaraka amin' izay ny farany. **10** Ary hoy Izy taminy: Hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hitsangana hamely fanjakana. **11** Ary hisy horohorontany lehibe ary mosary sy areti-mandringana any amin' ny tany samy hafa, ary hisy zava-mahatahotra sy famantarana lehibe avy any an-danitra. **12** Ary raha tsy mbola tonga izany rehetra izany, dia hisambotra anareo izy ka hanenjika ary hanolotra anareo ao amin' ny synagoga sy ao an-tranomaizina, ka ho entina eo anatrehan' ny mpanjaka sy ny mpanapaka ianareo noho ny anarako. **13** Dia ho tonga ho vavolombelona aminareo izany. **14** Koa aoreno ao am-ponareo ny tsy hihevitra rahateo izay havalinareo; **15** fa Izaho no hanome anareo vava sy saina, izay tsy ho azon' ny fahavalonareo rehetra valiana na resena. **16** Ary hatolotry ny ray sy ny reny sy ny rahalahy ary ny havana aman-tsakaiza ianareo, koa ny sasany aminareo dia hovonoiny. **17** Ary ho halan' ny olona rehetra ianareo noho ny anarako. **18** Nefa tsy hisy ho very na dia singam-bolo iray eo amin' ny lohanareo aza. **19** Amin' ny faharetanareo no hahatananareo ny ainareo. **20** Ary raha mahita an' i Jerosalema voahodidin' ny miaramila ianareo, dia aoka ho fantatrareo fa efa mby akaiky ny fandravana azy. **21** Ary izay any Jodia amin' izany andro izany aoka handositra ho any an-tendrombohitra; ary izay ao Jerosalema aoka handositra ho any ivelany; ary izay any an-tsaha aoka tsy hiditra ao an-tanàna intsony. **22** Fa ireo dia andro famaliana mba hahatanteraka izay rehetra voasoratra. **23** Fa lozan' ny bevohoka sy ny mitaiza kely amin' izany andro izany! satria hisy fahoriana lehibe eo amin' ny tany ary fahatezerana amin' ity firenena ity. **24** Dia ho ringana amin' ny lelan-tsabatra izy ka ho entina ho babon' ny firenena rehetra, ary Jerosalema hohitsahin' ny jentilisa mandra-pahatanteraky ny andron' ny jentilisa. **25** Ary hisy famantarana eo amin' ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, ary etỳ ambonin' ny tany dia hisy fahorian' ny firenena amin' ny fahaverezan-kevitra noho ny firohondrohon' ny ranomasina sy ny fanonjany, **26** ka ho reraka ny fon' ny olona noho ny fahatahorany sy ny fiandrasany izay zavatra ho tonga ambonin' ny tany; fa ny herin' ny lanitra dia hohozongozonina. **27** Ary amin' izany andro izany dia hahita ny Zanak' olona avy eo amin' ny rahona amin-kery sy voninahitra lehibe izy. **28** Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandrà, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo. **29** Ary Izy nanao fanoharana taminy hoe: Jereo

ny aviavy sy ny hazo rehetra. **30** Raha hitanareo fa vao manaroka ireo, dia fantatrareo ihany fa efa akaiky sahady ny lohataona. **31** Dia tahaka izany koa ianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra. **32** Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pahatongan' izany rehetra izany. **33** Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona. **34** Ary mitandrema, fandrao ny fonareo hovesaran' ny vokatry ny fisotroan-toaka sy ny fahamamoana ary ny fiahiahian' izao fiainana izao, ka ho avy tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany. **35** Fa hihatra amin' izay rehetra mitoetra etỳ ambonin' ny tany rehetra izany. **36** Fa miambena ka mivavaha mandrakariva, mba hahery ianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan' ny Zanak' olona. **37** Ary nony antoandro dia nampianatra teo an-kianjan' ny tempoly Izy; ary nony alina dia nivoaka Izy ka nitoetra teo an-tendrombohitra atao hoe Oliva. **38** Ary ny vahoaka rehetra nankeo aminy maraina koa teo an-kianjan' ny tempoly hihaino Azy.

22 Ary efa mby akaiky ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, dia ilay andro atao hoe Paska. **2** Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanoradalàna nitady izay hamonoany an' i Jesosy; nefa natahotra ny olona izy. **3** Fa Satana niditra tao anatin' i Jodasy, ilay atao hoe Iskariota, anankiray tamin' ny roa ambin' ny folo lahy; **4** dia nankao amin' ny lohan' ny mpisorona sy ny lehiben' ny mpiambina izy ka niresaka taminy ny amin' izay hamadihany an' i Jesosy amin' ireo. **5** Dia faly ireo ka nanaiky hanome vola azy. **6** Ary nanaiky izy ka nitady izay andro hahazoany hamadika Azy amin' ireo amin' ny tsy misy olona. **7** Ary tonga ny andro fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, dia ilay tsy maintsy hamonoana ny Paska. **8** Ary Jesosy naniraka an' i Petera sy Jaona ka nanao hoe: Mandehana, ka amboary ny Paska hohanintsika. **9** Ary hoy ireo taminy: Aiza no tianao hanamboaranay azy? **10** Dia hoy Izy taminy: Indro, raha miditra ao an-tanàna ianareo, dia hisy lehilahy mitondra siny feno rano hifanena aminareo; manaraha azy ao amin' ny trano izay hidirany. **11** Dia lazao amin' ny tompon-trano hoe: Izao no lazain' ny Mpampianatra aminao: Aiza ny efi-trano hiarahako mihinana ny Paska amin' ny mpianatro? **12** Ary izy hanoro anareo efi-trano malalaka ambony rihana, izay efa nasiana fipetrahana; any no amboary. **13** Dia nandeha izy ka nahita araka izay efa nolazainy taminy; dia namboatra ny Paska izy. **14** Ary nony tonga ny fotoana, dia nipetraka hihinana Izy mbamin' ny Apostoly. **15** Ary hoy Izy taminy: Naniry koa raha naniry Aho hiara-mihinana ity Paska ity aminareo, dieny mbola tsy mijaly Aho. **16** Fa lazaiko aminareo fa tsy mba hihinana izany intsony Aho ambara-pahatanterak' izany ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **17** Ary nandray kapoaka Izy, dia nisaotra ka nanao hoe: Raiso ity, ka zarao aminareo; **18** fa lazaiko aminareo fa hatramin' izao dia tsy hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandra-pahatongan' ny fanjakan' Andriamanitra. **19** Ary nandray mofo Izy, ary rehefa nisaotra, dia novakiny ka natolony azy sady nataony hoe: Ity no tenako izay omena ho anareo; izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy. **20** Ary araka izany koa ny kapoaka, rehefa vita ny sakafo, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no fanekena vaovao amin' ny rako, izay aidina ho anareo. **21** Fa, indro, ny tànan' izay mamadika Ahy dia eto amiko eto ambonin' ny latabatra. **22** Fa ny Zanak' olona mandeha tokoa, araka izay nanendrena; nefa lozan' izay lehilahy hahazoana manolotra Azy! **23** Ary ireo nifanontany izay anankiray eo aminy hahefa izany. **24** Ary nisy koa fifandirana tao aminy ny amin' izay anankiray aminy hatao lehibe. **25** Ary hoy Jesosy taminy: Ny mpanjakan' ny jentilisa mampanompo azy ary izay manapaka azy no atao hoe mpanao soa. **26** Fa tsy mba toy izany ianareo; fa izay lehibe aminareo dia aoka ho toy ny zandry; ary izay manapaka dia aoka ho toy ny mpanompo. **27** Fa iza moa no lehibe, izay mipetraka mihinana va, sa izay manompo? Tsy izay mipetraka mihinana va? Fa Izaho dia eo aminareo toy izay manompo. **28** Ary ianareo no naharitra nanaraka Ahy tamin' ny fakam-panahy nihatra tamiko; **29** koa Izaho dia manendry fanjakana ho anareo tahaka ny nanendren' ny Raiko ho Ahy, **30** mba hihinana sy hisotro eo amin' ny latabatro amin' ny fanjakako ianareo sady hipetraka ambony seza fiandrianana hitsara ny firenen' isiraely roa ambin' ny folo, **31** Ary hoy ny Tompo: Ry Simona, ry Simona, indro, Satana efa nilofo nitady anareo hokororohiny toy ny vary. **32** Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao; ary rehefa mibebaka ianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao. **33** Ary hoy izy taminy: Tompoko, vonona hanaraka Anao aho, na ho ao an-tranomaizina, na dia ho amin' ny fahafatesana aza. **34** Fa hoy Jesosy: Lazaiko aminao, ry Petera: Raha tsy mbola misy akoho maneno anio, dia handà intelo ho tsy mahalala Ahy ianao. **35** Ary hoy koa Izy taminy: Raha nirahiko tsy nitondra kitapom-bola na kitapom-batsy na kapa ianareo, moa nisy zavatra nahory anareo va? Dia hoy ireo: Tsy nisy. **36** Fa hoy Izy taminy: Fa amin' izao kosa, izay manana kitapom-bola dia aoka hitondra azy; ary toy izany koa ny kitapom-batsy; ary izay tsy manan-tsabatra kosa, dia aoka hivarotra ny lambany izy ka hividy. **37** Fa lazaiko aminareo: Tsy maintsy ho tanteraka amiko izao voasoratra izao hoe: Ary Izy natao ho isan' ny mpanota; fa efa ho tanteraka ny amiko. **38** Ary hoy ireo: Tompoko, indreto sabatra roa. Dia hoy Jesosy taminy: Aoka izay. **39** Ary nivoaka Jesosy, koa araka ny fanaony dia nankao an-tendrombohitra Oliva Izy, ary ny mpianatra koa nanaraka Azy. **40** Ary raha vao tonga tao amin' izany tany izany, dia hoy Izy taminy: Mivavaha mba tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy. **41** Ary Izy nihataka taminy tokony ho indray mitora-bato, dia nandohalika ka nivavaka hoe: **42** Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao. **43** Ary nisy anjely avy tany an-danitra niseho teo aminy ka nampahery Azy. **44** Ary fadiranovana Izy, ka dia nivavaka mafimafy kokoa; ary ny dininy dia tahaka ny rà nipotrapotraka tamin' ny tany. **45** Ary nony nitsangana avy nivavaka Izy, dia nankeo amin' ny mpianatra ka nahita azy matorin' alahelo. **46** Dia hoy Izy taminy: Nahoana no dia matory ianareo?

Mitsangàna, ka mivavaha, mba tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy. **47** Ary raha mbola niteny Jesosy, indreo, tamy ny vahoaka, ary ilay atao hoe Jodasy, isan' ny roa ambin' ny folo lahy, dia nandeha teo alohany ka nanatona an' i Jesosy hanoroka Azy. **48** Fa hoy Jesosy taminy: Ry Jodasy, fanorohana va no amadihanao ny Zanak' olona? **49** Ary izay teo aminy, raha nahita izay efa hanjo, dia nanao hoe: Tompoko, hamely amin' ny sabatra va izahay? **50** Ary ny anankiray teo aminy dia nikapa ny mpanompon' ny mpisoronabe ka nahafaka ny sofiny ankavanana. **51** Fa Jesosy namaly ka nanao hoe: Aoka ihany na dia izao aza. Dia nanendry ny sofiny Izy ka nahasitrana azy. **52** Ary hoy Jesosy tamin' ny lohan' ny mpisorona sy ny lehiben' ny mpiambina ny tempoly ary ny loholona izay tonga hisambotra Azy: Mivoaka mitondra sabatra sy langilangy toy ny hisambotra jiolahy va ianareo? **53** Raha teo aminareo isan' andro teo an-kianjan' ny tempoly Aho, dia tsy naninjitanana tamiko ianareo; fa izao no fotoanareo sy herin' ny maizina. **54** Ary izy ireo nisambotra an' i Jesosy, dia nitondra Azy ho ao an-tranon' ny mpisoronabe. Ary Petera nanaraka teny lavidavitra eny. **55** Ary raha namelona afo teo an-kianja ireo ka nipetraka, dia mba nipetraka teo aminy koa Petera. **56** Ary ny ankizivavy anankiray, nony nahita azy nipetraka teo anilan' ny afo, dia nandinika azy ka nanao hoe: Ity koa nomba Azy. **57** Fa izy nandà ka nanao hoe: Ravehivavy, tsy fantatro Izy. **58** Ary vetivety foana rehefa afaka izany, dia nisy olona hafa koa nahita azy ka nanao hoe: Hianao koa mba naman' ireny. Fa Petera nanao hoe: Ralehilahy, tsy mba namany aho. **59** Ary rehefa afaka tokony ho ora iray, dia nisy anankiray koa nitompo teny ka nanao hoe: Ilehio nomba Azy marina tokoa, fa Galiliana izy. **60** Fa hoy Petera: Ralehilahy, tsy fantatro izay lazainao. Ary niaraka tamin' izay, raha mbola niteny izy, dia nisy akoho naneno. **61** Ary ny Tompo nitodika, dia nijery an' i Petera. Ary Petera nahatsiaro ilay tenin' ny Tompo nolazainy taminy hoe: Raha tsy mbola misy akoho maneno anio, dia handà Ahy intelo ianao. **62** Ary nivoaka Petera, dia nitomany mafy indrindra. **63** Ary ny lehilahy izay nitana an' i Jesosy dia nanao Azy ho fihomehezana sady nikapoka Azy. **64** Ary rehefa nanampi-maso Azy izy, dia nanontany Azy hoe: Maminania; iza moa no namely Anao? **65** Ary niteny ratsy izy nilaza zavatra maro hafa koa nanaratsiany Azy. **66** Ary raha vao nazava ny andro, niangona ny loholona, dia ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, ka nitondra an' i Jesosy ho eo amin' ny Synedriona, dia nanao hoe: **67** Raha Hianao no Kristy, dia lazao aminay. Fa hoy Izy taminy: Na dia hilaza aminareo aza Aho, dia tsy hino ianareo. **68** Ary na dia hanontany aza Aho, dia tsy hamaly akory ianareo. **69** Fa hatramin' izao ny Zanak' olona dia hipetraka eo an-tanana ankavanan' ny herin' Andriamanitra. **70** Dia hoy izy rehetra: Zanak' Andriamanitra va ary Hianao? Ary hoy Izy taminy: Voalazanareo fa Izaho no Izy. **71** Ary hoy ireo: Ka inona indray no ilantsika vavolombelona? fa ny tenantsika no efa nandre tamin' ny vavany.

23 Ary ny olona rehetra nitsangana ka nitondra an' i Jesosy tany amin' i Pilato, **2** dia niampanga Azy ka nanao hoe: Ilehity hitanay nampiodina ny firenenay sady nandrara tsy handoa hetra ho an' i Kaisara ka nilaza ny tenany ho Kristy Mpanjaka. **3** Ary Pilato nanontany Azy hoe: Hianao va no Mpanjakan' ny Jiosy? Ary Izy namaly azy ka nanao hoe: Voalazanao. **4** Dia hoy Pilato tamin' ny lohan' ny mpisorona sy ny vahoaka: Tsy hitako izay helok' ity Lehilahy ity. **5** Fa vao mainka nandentika ireo ka nanao hoe: Nampiodina ny olona Izy sady nampianatra eran' i Jodia rehetra, nanomboka hatrany Galilia ka hatraty. **6** Raha nandre izany Pilato, dia nanontany raha olona avy any Galilia Jesosy. **7** Ary rehefa fantany fa avy tamin' ny tany tapahin' i Heroda Izy, dia nampanatitra Azy tany amin' i Heroda izy, fa tany Jerosalema koa Heroda tamin' izany andro izany. **8** Ary faly dia faly Heroda, raha nahita an' i Jesosy; fa efa naniry ela hahita Azy izy, satria efa nandre ny aminy ary nanantena hahita famantarana hataony. **9** Ary izy nanontany Azy teny maro; fa tsy namaly teny azy akory Jesosy. **10** Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna nijanona teo dia nitompo teny fatratra hiampanga Azy. **11** Ary Heroda sy ny miaramilany namingavinga Azy ka nanao Azy ho fihomehezana, dia nampiakanjo Azy akanjo tsara ka namerina Azy tany amin' i Pilato. **12** Ary tonga nisakaiza Heroda sy Pilato tamin' izany andro izany; kanefa nifandrafy izy roa lahy talohan' izany. **13** Ary rehefa nasain' i Pilato novorina ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanapaka ary ny vahoaka, **14** dia hoy izy taminy: Entinareo atỳ amiko ity Lehilahy ity toy ny nampiodina ny vahoaka; ary, indro, efa nanadina Azy teto anatrehanareo aho, nefa tsy hitako izay helok' ity Lehilahy ity amin' izay iampanganareo Azy. **15** Tsia, na dia Heroda koa aza, fa namerina Azy hoy amintsika izy; ary, indro, tsy nisy zavatra nataony izay tokony hahafaty Azy; **16** koa hofaizako Izy, dia halefako. **18** Fa izy rehetra niantso mafy indray miredona nanao hoe: Vonoy Io, ka Barabasy no alefaso ho anay! **19** Nefa natao tao an-tranomaizina io Barabasy io noho ny fikomiana tao an-tanàna sy ny vonoan-olona. **20** Ary satria tian' i Pilato halefa Jesosy, dia niteny indray izy. **21** Fa ny olona niantso kosa ka nanao hoe: Homboy, homboy amin' ny hazo fijaliana Izy! **22** Fa hoy izy taminy fanintelony: Ka inona ary no ratsy nataony: tsy hitako izay helony tokony hahafaty Azy koa hofaizako Izy, dia halefako. **23** Fa niantso tamin' ny feo mafy ny olona ka nangataka hanomboana an' i Jesosy amin' ny hazo fijaliana. Ary nahery ny feon' ny olona. **24** Ary Pilato dia nandidy hanao izay nangatahiny. **25** Ary dia nalefany ilay natao tao an-tranomaizina noho ny fikomiana sy ny vonoan-olona, satria io no nangatahiny; fa Jesosy kosa natolony hataony araka ny sitrapony. **26** Ary raha nitondra an' i Jesosy izy, dia nitana lehilahy Kyreniana anankiray atao hoe Simona, izay vao avy any an-tsaha, ka nampitondra iny ny hazo fijaliana hanaraka an' i Jesosy. **27** Ary nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy ary vehivavy maro izay niteha-tratra sady nitomany Azy. **28** Fa Jesosy nitodika azy ka nanao hoe: Ry zanakavavin' i Jerosalema, aza mitomany Ahy, fa mitomania ny tenanareo sy ny zanakareo. **29** Fa, indro, ho avy ny andro izay hilazany hoe: Sambatra ny momba sy ny kibo izay tsy niteraka ary ny nono izay tsy ninonoan-jaza. **30** Dia hilaza amin' ny tendrombohitra hoe

izy: Mianjerà aminay; ary amin' ny havoana hoe: Saròny izahay. **31** Fa raha ataony amin' ny hazo maitso izany hatao ahoana amin' ny maina? **32** Ary nisy olon-dratsy roa lahy nentina hiaraka hovonoina aminy koa. **33** Ary rehefa tonga teo amin' ny tany atao hoe Ikarandoha izy, dia teo no namonoany an' i Jesosy sy ireo olon-dratsy ireo, ny anankiray teo ankavanany ary ny anankiray teo ankaviany. **34** Ary hoy Jesosy: Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony. Dia nanaovany loka no fizara ny fitafiany. **35** Ary ny olona nijanona teo ka nijery. Ary ny loholona kosa mba nandatsa ka nanao hoe: Namonjy ny sasany Izy; aoka hovonjeny ny tenany, raha Izy no Kristin' Andriamanitra, dia Ilay nofidina. **36** Ary ny miaramila koa nihomehy Azy, dia nankeo ka nanome Azy vinaingitra, **37** sady nanao hoe: Raha Hianao no Mpanjakan' ny Jiosy, vonjeo ny tenanao. **38** Ary nisy soratra teo amboniny nanao hoe: ITY NO MPANJAKAN' NY JIOSY. **39** Ary ny anankiray tamin' ireo olon-dratsy nahantona teo ireo dia niteny ratsy Azy ka nanao hoe: Tsy Hianao va no Kristy? vonjeo ny tenanao sy izahay. **40** Fa namaly kosa ilay anankiray, sady nananatra ny namany ka nanao hoe: Moa ianao koa tsy mba matahotra an' Andriamanitra na dia izao samy voaheloka izao aza? **41** Ary marina ny anamelohany antsika, satria mandray ny valin' ny nataontsika isika; fa ity Lehilahy ity kosa tsy mbola nanao zavatra tsy mety na dia kely akory aza. **42** Ary hoy izy: Jesosy ô, tsarovy aho, rehefa avy amin' ny fanjakanao Hianao. **43** Dia hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa. **44** Ary rehefa tokony ho tamin' ny ora fahenina, dia maizina ny tany rehetra ka naharitra hatramin' ny ora fahasivy izany, **45** satria nihamaizina ny masoandro, ary triatra misasaka ny efitra lamba teo amin' ny tempoly. **46** Ary niantso tamin' ny feo mahery Jesosy ka nanao hoe: Raiko ô, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko; ary rehefa niteny izany Izy, dia afaka ny ainy. **47** Ary ny kapiteny, raha nahita izay zavatra tonga teo, dia nankalaza an' Andriamanitra ka nanao hoe: Lazaiko tokoa fa marina io Lehilahy io. **48** Ary ny vahoaka rehetra izay vory teo mba hijery izany, raha nahita ny zavatra tonga teo, dia niverina miteha-tratra. **49** Fa ny olom-pantany rehetra sy ny vehivavy izay nanaraka Azy avy tany Galilia dia nijanona teny lavidavitra eny nijery izany zavatra izany. **50** Ary, indro, nisy lehilahy atao hoe Josefa, izay isan' ny Synedriona, dia lehilahy tsara fanahy sady marina. **51** Izany lehilahy izany tsy nanaiky ny hevitra sy ny nataon' ny sasany; avy tany Arimatia, tanànan' ny Jiosy, izy sady niandry ny fanjakan' Andriamanitra. **52** Izany lehilahy izany dia nankao amin' i Pilato ka nangataka ny fatin' i Jesosy. **53** Dia nampidininy ny faty ka nofonosiny hariry madinika, dia naleviny tao amin' ny fasana nolavahana tamin' ny vatolampy, izay tsy mbola nandevenana olona. **54** Ary andro fiomanana izany andro izany, ka efa antomotra ny Sabata. **55** Ary ny vehivavy izay nomba Azy avy tany Galilia dia nanaraka teo aoriana ka nahita ny fasana sy izay fampandriny ny faty. **56** Ary niverina ireo ka namboatra zava-manitra sy menaka manitra. Ary tamin' ny Sabata dia nitsahatra ihany izy araka ny lalàna.

24 Fa nony maraina koa tamin' ny andro voalohany amin' ny herinandro, dia nankany amin' ny fasana izy nitondra ny zava-manitra izay efa namboariny. **2** Ary hitany fa, indro, ny vato efa voakodia niala tamin' ny fasana. **3** Dia niditra izy, nefa tsy nahita ny fatin' i Jesosy Tompo. **4** Ary raha mbola very hevitra tamin' izany izy, indreo, nisy roa lahy niseho taminy nitafy fitafiana manelatrelatra. **5** Ary nony natahotra izy ka niankohoka, dia hoy izy roa lahy taminy: Nahoana no ato amin' ny maty no itadiavanareo ny velona? **6** Tsy ato Izy fa efa nitsangana; tsarovy ny teny izay nataony taminareo, fony Izy mbola tany Galilia, hoe: **7** Ny Zanak' olona tsy maintsy hatolotra eo an-tànan' ny mpanota ka hohomboana amin' ny hazo fijaliana ary hitsangana amin' ny andro fahatelo. **8** Dia nahatsiaro ny teniny izy. **9** Ary niverina niala tamin' ny fasana izy, dia nilaza izany rehetra izany tamin' ny iraika ambin' ny folo lahy sy ny namany rehetra. **10** Teo Maria Magdalena sy Johana ary Maria, renin' i Jakoba; ary ny vehivavy sasany izay naman' ireo koa dia nilaza izany tamin' ny Apostoly. **11** Nefa nataony ho ararirara foana izany teny izany ka tsy ninoany. **12** Fa Petera nitsangana, dia nihazakazaka nankany amin' ny fasana; ary niondrika izy ka nahita ny lambam-paty mipetraka mitokana; dia lasa nody izy sady gaga noho ny zavatra izay tonga teo. **13** Ary, indreo, nisy roa lahy tamin' ireny nandeha tamin' izany andro izany hankany amin' ny vohitra atao hoe Emaosy, tokony ho enim-polo stadio raha any Jerosalema. **14** Dia niresaka ny amin' izay zavatra rehetra nanjo izy. **15** Ary raha mbola niresaka sy niara-nisaina izy, dia nanatona Jesosy ka niaraka taminy. **16** Nefa ny mason' ireo nohazonina mba tsy hahafantarany Azy. **17** Ary hoy Izy taminy: Ahoana izao teny resahinareo etỳ am-pandehanana izao? Dia nijanona ireo sady nalahelo tarehy. **18** Ary ny anankiray, izay atao hoe Kleopasy, namaly ka nanao taminy hoe: Hianao irery va no vahiny mitoetra any Jerosalema tsy mba mahalala izay zavatra tonga tao tamin' izao andro izao? **19** Fa hoy Izy taminy: Zavatra manao ahoana moa izany? Ary hoy izy roa lahy taminy: Ny amin' i Jesosy avy any Nazareta, mpaminany mahery tamin' ny asa sy ny teny teo anatrehan' Andriamanitra sy ny vahoaka rehetra, **20** dia ny amin' ny nanoloran' ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanapaka eto amintsika Azy hanamelohany Azy ho faty, sy ny nanomboany Azy tamin' ny hazo fijaliana. **21** Nefa nantenainay fa Izy no Ilay efa hanavotra ny Isiraely; ary tsy izany ihany, fa androany no andro fahatelo hatr' izay nahatongavan' izany. **22** Nefa kosa ny vehivavy sasany izay namanay nahahavery hevitra anay, fa tany amin' ny fasana maraina koa izy, **23** ary raha tsy nahita ny faty izy, dia tonga ka nilaza fa efa nahita anjely niseho kosa, izay nilaza fa velona Izy. **24** Dia nandeha ny sasany izay nomba anay ka nankany amin' ny fasana, ary nahita araka izay nolazain' ny vehivavy; nefa Izy tsy hitany. **25** Ary hoy Izy taminy: Ry adala sy votsa saina ka tsy mino izay rehetra nolazain' ny mpaminany. **26** Moa tsy tokony ho niaritra izany va Kristy ka hiditra any amin' ny voninahiny? **27** Dia nanomboka hatramin' i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevitry ny teny milaza Azy ao amin' ny Soratra Masìna rehetra. **28** Ary efa mby

teo akaikin' ny vohitra izay efa halehan' izy roa lahy izy, ary Jesosy toa nanao handeha lavitra kokoa. **29** Fa ireo nanery Azy ka nanao hoe: Mitoera atỳ aminay; fa efa ho hariva izao, ka lasan-davitra ny andro. Dia niditra hitoetra tao aminy Izy. **30** Ary raha niara-nipetraka nihinana teo aminy Izy, dia nandray ny mofo ka nisaotra, dia namaky sy nanolotra azy. **31** Dia nahiratra ny mason' ireo, ka nahalala Azy; fa Izy kosa dia tonga tsy hitany. **32** Dia niresaka hoe izy: Tsy nangorakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dalana Izy ka namoaka ny hevitry ny Soratra Masìna tamintsika? **33** Dia niainga tamin' izany ora izany izy roa lahy ka niverina nankany Jerosalema, ary nahita ny iraika ambin' ny folo lahy mbamin' izay nomba azy tafangona teo **34** sady nilaza hoe: Efa nitsangana marina tokoa ny Tompo ka efa niseho tamin' i Simona. **35** Ary ireo kosa dia nilaza izay efa niseho teny an-dalàna sy ny nahafantarany Azy tamin' ny namakiana ny mofo. **36** Ary raha mbola nilaza izany izy, Jesosy dia nitsangana teo afovoany ka nanao taminy hoe: Fiadanana ho anareo. **37** Dia taitra sady raiki-tahotra izy, satria nataony fa nahita matoatoa izy. **38** Nefa hoy Jesosy taminy: Nahoana no taitra ianareo? ary nahoana no miahanahana ny fonareo? **39** Izahao ny tanako sy ny tongotro, fa Izaho no Izy; tsapao Aho, ka jereo, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao. **40** Ary rehefa niteny izany Izy, dia nasehony azy ny tànany sy ny tongony. **41** Ary raha mbola tsy nino ihany izy ireo noho ny hafaliana sady mbola talanjona, dia hoy Jesosy taminy: Manan-kanina va ianareo? **42** Ary dia nomeny tapaky ny hazandrano voatono Izy. **43** Ary Izy nandray, dia nihinana teo anatrehany. **44** Dia hoy Izy taminy: Izao no teniko izay nolazaiko taminareo, fony mbola tao aminareo Aho, fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin' ny lalàn' i Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo. **45** Dia nanokatra ny sain' ireo Izy hahalala ny Soratra Masìna. **46** Ary hoy Izy taminy: Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin' ny maty amin' ny andro fahatelo; **47** ary mba hotorina amin' ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin' ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema. **48** Ary ianareo no vavolombelon' izany. **49** Ary, indro, Izaho mampitondra ny teny fikasan' ny Raiko ho anareo; fa mitoera eto an-tanàna mandra-panafiana anareo amin' ny hery avy any amin' ny avo. **50** Ary Jesosy nitondra azy hatrany Betania, dia nanandratra ny tànany ka nitso-drano azy. **51** Ary raha mbola nitso-drano azy Izy, dia nisaraka taminy ka nakarina ho any an-danitra. **52** Ary izy ireo nitsaoka Azy, dia niverina ho any Jerosalema sady faly indrindra. **53** Ary teo an-kianjan' ny tempoly isan' andro izy nankalaza an' Andriamanitra.

Jaona

1 Tamin' ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. **2** Izy dia tao amin' Andriamanitra tamin' ny voalohany. **3** Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza. **4** Izy no nisiam-piainana; ary ny fiainana no fanazavana ny olona. **5** Ary ny mazava dia mamirapiratra ao amin' ny maizina; fa ny maizina tsy nandray azy. **6** Nisy lehilahy nirahin' Andriamanitra, Jaona no anarany. **7** Izy tonga ho vavolombelona hanambara ny Mazava, mba hinoan' ny olona rehetra noho ny teniny. **8** Tsy izy anefa no Ilay Mazava, fa tonga ho vavolombelona hanambara ny Mazava ihany izy. **9** Tao ny tena Mazava Izay mahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao. **10** Teo amin' izao tontolo izao Izy, ary Izy no nanaovana izao tontolo izao, nefa izao tontolo izao tsy nahalala Azy. **11** Tonga tany amin' ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy. **12** Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, **13** dia ireo izay tsy nateraky ny rà, na ny sitrapon' ny nofo, na ny sitrapon' ny olona, fa naterak' Andriamanitra. **14** Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an' ny Lahitokana avy tamin' ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana. **15** Jaona nanambara Azy ka niantso hoe: Izy Ilay nolazaiko hoe: Izay avy **16** Fa tamin' ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra, dia fahasoavana anampy fahasoavana. **17** Fa ny lalàna dia nomena tamin' ny alalan' i Mosesy; fa ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin' ny alalan' i Jesosy Kristy. **18** Tsy nisy nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana; fa ny Zanakalahy Tokana, Izay ao an-tratran' ny Ray, Izy no nanambara Azy. **19** Ary izao no nambaran' i Jaona, raha ny Jiosy naniraka mpisorona sy Levita avy tany Jerosalema hankany aminy mba hanontany azy hoe: Iza moa ianao? **20** Ary nilaza marina izy ka tsy nandà, fa hoy ny filàzany: Tsy izaho no Kristy. **21** Ary izy ireo nanontany azy hoe: Ahoana ary? Elia va ianao? Fa hoy izy: Tsy izy aho. Ilay Mpaminany va ianao? Fa izy namaly hoe: Tsia. **22** Dia hoy ireo taminy: Iza ary ianao? mba hitondranay valiny ho any amin' izay naniraka anay. Lazainao ho iza moa ny tenanao? **23** Dia hoy izy: Izaho dia feon' ny miantso mafy any an-efitra hoe: Ataovy mahitsy ny lalan' i Jehovah, araka izay nolazain' Isaia mpaminany. **24** Ary iraka avy tamin' ny Fariseo ireo. **25** Dia nanontany azy ireo ka nanao taminy hoe: Nahoana ary ianao no manao batisa raha tsy ianao no Kristy, na Elia, na Ilay Mpaminany? **26** Jaona namaly azy ka nanao hoe: Izaho manao batisa amin' ny rano; fa eto aminareo misy Anankiray Izay tsy fantatrareo, **27** dia Ilay avy ao aoriako, ary tsy miendrika hamaha ny fehin-kapany aza aho. **28** Izany zavatra izany dia natao tany Betania any an-dafin' i Jordana, izay nanaovan' i Jaona batisa. **29** Nony ampitso dia nahita an' i Jesosy avy manatona azy Jaona, ka dia hoy izy: Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao! **30** Izy Ilay nolazaiko hoe: Misy Lehilahy avy ao aoriako Izay efa tonga eo alohako, satria talohako Izy. **31** Ary izaho tsy nahalala Azy; fa mba haseho amin' ny Isiraely Izy, izany no nihaviako manao batisa amin' ny rano. **32** Ary Jaona nanambara ka nanao hoe: Izaho nahita ny Fanahy midìna avy any an-danitra tahaka ny voro-mailala ka nitoetra teo amboniny. **33** Ary izaho tsy nahalala Azy; fa Izay naniraka ahy hanao batisa amin' ny rano no nilaza tamiko hoe: Izay ho hitanao idinan' ny Fanahy sy itoerany, dia Izy no Mpanao batisa amin' ny Fanahy Masìna. **34** Ary nahita aho, ka dia nanambara fa Izy no Zanak' Andriamanitra. **35** Nony ampitson' iny indray dia nijanona Jaona sy ny mpianany roa lahy; **36** ary nijery an' i Jesosy nitsangantsangana izy ka nanao hoe: Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra! **37** Ary ireo mpianatra roa lahy ireo, rehefa nandre azy niteny, dia nanaraka an' i Jesosy. **38** Ary Jesosy nitodika ka nahita azy manaraka, dia nanao taminy hoe: Inona no tadiavinareo? Ary hoy izy roa lahy taminy: Raby (izay atao hoe, raha adika, Mpampianatra ô), aiza Hianao no mitoetra? **39** Hoy Izy taminy: Avia, fa ho hitanareo. Koa dia nandeha izy ka nahita izay nitoerany ary nitoetra teo aminy tamin' izany andro izany; ary efa tokony ho ora fahafolo tamin' izay. **40** Andrea, rahalahin' i Simona Petera, no anankiray tamin' izy roa lahy, izay nandre ny tenin' i Jaona ka nanaraka an' i Jesosy. **41** Izy no nahita an' i Simona rahalahiny aloha, dia hoy izy taminy: Efa nahita ny Mesia izahay (izay atso hoe, raha adika, ny Kristy). **42** Dia nitondra azy ho any amin' i Jesosy izy. Ary nony nijery azy Jesosy, dia hoy Izy: Hianao no Simona, zanak' i Jaona; ianao hatao hoe Kefasy (izay atao hoe, raha adika, Petera) **43** Nony ampitso dia tehiala ho any Galilia Jesosy, ary nahita an' i Filipo Izy ka nanao taminy hoe: Manaraha Ahy. **44** Ary Filipo dia avy any Betsaida, tanànan' i Andrea sy Petera. **45** Filipo kosa nahita an' i Natanaela ka nanao taminy hoe: Efa hitanay Ilay nosoratan' i Mosesy tao amin' ny lalàna, sy nosoratan' ny mpaminany, dia Jesosy, zanak' i Josefa, avy any Nazareta. **46** Ary hoy Natanaela taminy: Moa mba misy zava-tsoa va avy any Nazareta? Dia hoy Filipo taminy: Andeha hizaha. **47** Jesosy nahita an' i Natanaela avy manatona Azy, dia nilaza azy hoe: Indro ny tena Isiraelita tsy misy fitaka. **48** Hoy Natanaela taminy: Ahoana no ahafantaranao ahy? Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Fony tsy mbola niantso anao Filipo, dia hitako teo ambanin' ny aviavy ianao. **49** Dia namaly Natanaela ka nanao hoe: Raby ô, Hianao no Zanak' Andriamanitra; Hianao no Mpanjakan' ny Isiraely. **50** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Moa ny nilazako taminao va fa hitako teo ambanin' ny aviavy ianao no inoanao? Hahita zavatra lehibe noho izany ianao. **51** Ary hoy koa Izy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ho hitanareo ny lanitra misokatra sy ny anjelin' Andriamanitra miakatra sy midìna eo ambonin' ny Zanak' olona.

2 Ary tamin' ny andro fahatelo dia nisy fampakaram-bady tao Kana any Galilia; ary tao ny renin' i Jesosy. **2** Ary Jesosy sy ny mpianany koa dia nalainy ho ao amin' ny

fampakaram-bady. **3** Ary rehefa lany ny divay, dia hoy ny renin' i Jesosy taminy: Tsy manana divay izy. **4** Hoy Jesosy taminy: Ravehivavy, moa mifaninona akory Izaho sy ianao? tsy mbola tonga ny fotoako. **5** Fa hoy ny reniny tamin' ny mpanompo: Ataovy izay asainy ataonareo. **6** Ary nisy siny vato enina mahalany rano indroa na intelon' ny vata avy nipetraka teo ho fanadiovana araka ny fanaon' ny Jiosy. **7** Dia hoy Jesosy taminy: Fenoy rano ny siny. Dia nofenoiny hatramin' ny molony. **8** Ary hoy Jesosy taminy: Tovozy amin' izao, ka ento ho eo amin' ny mpandahatra ny fanasana. Dia nentiny. **9** Ary raha nanandrana ny rano tonga divay ny mpandahatra ny fanasana, nefa tsy nahalala izay nihaviany (fa ny mpanompo izay nanovo ny rano no nahalala), dia niantso ny mpampakatra izy **10** ka nanao taminy hoe: Araka ny fanaon' ny olona dia ny divay tsara no arosony aloha; ary rehefa nisotro be ny olona, dia vao izay ratsiratsy kokoa; fa ianao kosa dia efa nitahiry ny divay tsara ambaraka ankehitriny. **11** Izany no nataon' i Jesosy tao Kana any Galilia ho voaloham-pamantarana, ka nasehony ny voninahiny; ary nino Azy ny mpianany. **12** Rehefa afaka izany, dia nidina nankany Kapernaomy Jesosy mbamin' ny reniny sy ny rahalahiny ary ny mpianany; nefa tsy nitoetra ela teo Izy. **13** Ary efa akaiky ny Pasky ny Jiosy, ka dia niakatra tany Jerosalema Jesosy. **14** Ary hitany teo an-kianjan' ny tempoly ny nivarotra omby sy ondry sy voromailala ary ny mpanakalo vola izay nipetraka teo; **15** dia nanao kotopia kofehy Izy ka nandroaka azy rehetra hiala teo an-kianjan' ny tempoly, na ny ondry na ny omby, ary nararany ny volan' ny mpanakalo vola, sady nazerany ny latabatra; **16** dia hoy Izy tamin' ny nivarotra ny voromailala: Ento mivoaka ireto zavatra ireto; aza atao trano fivarotana ny tranon' ny Raiko. **17** Ary ny mpianany nahatsiaro fa voasoratra hoe: Ny firehetako ny amin' ny tranonao no haharitra aina ahy. **18** Fa namaly ny Jiosy ka nanao taminy hoe: Inona no famantarana asehonao aminay, no manao izao zavatra izao Hianao? **19** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Ravao ity tempoly ity, ary amin' ny hateloana dia hatsangako indray izy. **20** Fa hoy ny Jiosy: Enina amby efa-polo taona izay no efa nanaovana ity tempoly ity, ka Hianao va hahatsangana azy amin' ny hateloana? **21** Fa ny tenany no tempoly nolazainy. **22** Ary koa, rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy, dia tsaroan' ny mpianany fa efa nilaza izany Izy; ary dia nino ny Soratra Masìna sy ny teny izay nolazain' i Jesosy izy. **23** Ary nony tao Jerosalema Jesosy tamin' ny Paska, dia tamin' ny andro firavoravoana, maro no nino ny anarany, raha nahita ny famantarana izay nataony. **24** Fa Jesosy tsy natoky azy, satria Izy nahalala ny olona rehetra; **25** ary tsy nitady olona hanambara olona Izy; fa ny tenany nahalala izay tao ampon' ny olona.

3 Ary nisy Fariseo anankiray atao hoe Nikodemosy, mpanapaka tamin' ny Jiosy. **2** Izy nankao amin' i Jesosy nony alina ka nanao taminy hoe: Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy amin' Andriamanitra Hianao; fa tsy misy olona mahay manao izao famantarana ataonao izao, raha tsy Andriamanitra no momba azy. **3** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andriamanitra. **4** Hoy Nikodemosy taminy: Hataon' ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe; moa mahazo miditra any an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka? **5** Jesosy namaly hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin' ny fanjakan' Andriamanitra izy. **6** Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. **7** aza gaga noho ny nilazako taminao hoe: Tsy maintsy hateraka indray ianareo. **8** Ny rivotra mitsoka amin' izay tiany, ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay ihaviany na izay alehany, dia tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy. **9** Nikodemosy namaly ka nanao taminy hoe: Hatao ahoana no hahatonga izany zavatra izany? **10** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Hianao va no mpampianatra ny Isiraely ka tsy mahalala izany zavatra izany? **11** Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Izay fantatray no lazainay, ary izay hitanay no ambaranay; nefa ny fanambaranay tsy raisinareo. **12** Raha ny zavatra etỳ an-tany aza no nolazaiko taminareo ka tsy inoanareo, ahoana no hinoanareo, raha milaza aminareo ny zavatra any an-danitra Aho? **13** Ary tsy nisy niakatra ho any an-danitra, afa-tsy Ilay nidina avy tany an-danitra, dia ny Zanak' olona, Izay any an-danitra. **14** Ary tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak' olona, **15** mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy. **(aiōnios g166)** **16** Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **17** Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin' izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao. **18** Izay mino Azy dia tsy helohina; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran' ny Zanaka-lahy Tokan' Andriamanitra izy. **19** Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin' izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon' ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany. **20** Fa izay rehetra manao ratsy dia mankahala ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany. **21** Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava, mba haseho ny asany, fa atao amin' Andriamanitra izany. **22** Rehefa afaka izany, dia tonga tany amin' ny tany Jodia Jesosy sy ny mpianany; ary niara-nitoetra taminy tao Izy sady nanao batisa. **23** Ary Jaona koa nanao batisa tao Ainona, akaikin' i Saleima, satria nisy loharano maro tao; dia nankany ny olona ka nataony batisa. **24** Fa tsy mbola natao tao an-tranomaizina Jaona. **25** Ary nisy nifandiran' ny mpianatr' i Jaona tamin' ny Jiosy anankiray ny amin' ny fanadiovana; **26** ary tonga tany amin' i Jaona ny mpianany ka nanao taminy hoe: Raby ô, Ilay tany aminao, tany an-dafin' i Jordana, Izay nambaranao, indro, manao batisa Izy, ary ny olona rehetra manatona Azy. **27** Jaona namaly ka nanao hoe: Tsy misy olona mahay mandray na inona na inona, raha tsy nomena azy avy any an-danitra izany. **28** Hianareo no vavolombeloko fa hoy izaho:

Tsy izaho no Kristy, fa nirahiny hialoha Azy aho. **29** Izay manana ny ampakarina no mpampakatra; fa ny sakaizan' ny mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra noho ny feon' ny mpampakatra; ary efa tanteraka izany fifaliako izany. **30** Izy tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena. **31** Izay avy any ambony dia ambonin' izy rehetra; ary izay avy amin' ny tany dia avy amin' ny tany, ka ny momba ny etỳ an-tany ihany no lazainy; Izay avy any an-danitra dia ambonin' izy rehetra; **32** koa izay hitany sy reny no ambarany; ary tsy misy mandray ny fanambarany. **33** Izay mandray ny fanambarany dia nanisy tombo-kase fa marina Andriamanitra. **34** Fa Izay nirahin' Andriamanitra dia milaza ny teniny; fa tsy misy fetra ny fanomezan' Andriamanitra ny Fanahy. **35** Ny Ray tia ny Zanaka ka efa nanolotra ny zavatra rehetra ho eo an-tànany. **36** Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran' Andriamanitra no mitoetra eo aminy. **(aiōnios g166)**

4 Koa amin' izany, rehefa fantatry ny Tompo fa ny Fariseo efa nahare fa Jesosy mahazo mpianatra maro sy manao batisa be noho Jaona **2** (kanefa tsy Jesosy no nanao batisa, fa ny mpianany), **3** dia niala tany Jodia Izy ka nankany Galilia indray. **4** Ary tsy maintsy mamaky an' i Samaria Izy. **5** Dia tonga tao an-tanàna anankiray any Samaria Izy, izay atao hoe Sykara, akaikin' ny tany izay nomen' i Jakoba ho an' i Josefa zanany. **6** Ary teo ilay fantsakan' i Jakoba. Ary satria sasatra Jesosy tamin' ny nalehany dia nipetraka teo am-pantsakana Izy, rehefa tokony ho tamin' ny ora fahenina. **7** Ary nisy vehivavy Samaritana anankiray avy hantsaka rano dia hoy Jesosy taminy: Omeo Aho hosotroiko. **8** (Fa ny mpianany efa lasa nankany an-tanàna hividy hanina) **9** Fa hoy ravehivavy Samaritana taminy: Nahoana Hianao no Jiosy ka mangataka amiko hosotroina, nefa aho vehivavy Samaritana? (Fa ny Jiosy tsy manan-draharaha amin' ny Samaritana.) **10** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Raha fantatrao ny fanomezan' Andriamanitra sy Izay miteny aminao hoe: Omeo Aho hosotroiko, dia ianao no ho nangataka taminy, ka nomeny rano velona. **11** Hoy ravehivavy taminy: Tompoko, tsy manana fanovozana Hianao, sady lalina ny fantsakana; koa avy aiza no ahazoanao izany rano velona izany? **12** Hianao va lehibe noho Jakoba razantsika izay nanome anay ity fantsakana ity, sady izy sy ny zanany mbamin' ny bibiny no nisotro teto? **13** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izay rehetra misotro ity rano ity dia mbola hangetaheta indray; **14** fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay. **(aiōn g165, aiōnios g166)** **15** Hoy ravehivavy taminy: Tompoko, omeo izany rano izany aho, mba tsy hangetaheta na hanketo hantsaka intsony. **16** Hoy Jesosy taminy: Andeha ary, antsoy ivadinao, ka mankanesa atỳ. **17** Ravehivavy namaly ka nanao taminy hoe: Tsy manam-bady aho. Hoy Jesosy taminy: Marina ihany izay nolazainao hoe: Tsy manam-bady aho; **18** fa efa nanam-bady indimy ianao, sady tsy vadinao ilay itoeranao ankehitriny; marina izany voalazanao izany. **19** Hoy ravehivavy taminy: Tompoko, hitako fa mpaminany Hianao. **20** Ny razantsika nivavaka teto amin' ity tendrombohitra ity; fa ianareo kosa milaza fa any Jerosalema no tokony hivavahana. **21** Hoy Jesosy taminy: Ravehivavy, minoa Ahy, fa avy ny andro ka tsy amin' ity tendrombohitra ity, na any Jerosalema aza, no hivavahanareo amin' ny Ray. **22** Hianareo mivavaka amin' izay tsy fantatrareo; izahay kosa mivavaka amin' izay fantatray, satria avy amin' ny Jiosy ny famonjena. **23** Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin' ny Ray amin' ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. **24** Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin' ny fanahy sy ny fahamarinana. **25** Hoy ravehivavy taminy: Fantatro fa avy ny Mesia (Ilay atao hoe Kristy); ka rehefa tonga Izy, dia hambarany amintsika ny zavatra rehetra. **26** Hoy Jesosy taminy: Izaho Izay miresaka aminao no Izy. **27** Ary tamin' izay dia tonga ny mpianany ka gaga, satria vehivavy no niresahany; nefa tsy nisy nanao hoe: Inona no tadiavinao? na: Nahoana no miresaka aminy Hianao? **28** Dia nandao ny sininy ravehivavy ary nankany an-tanàna ka nanao tamin' ny olona hoe: **29** Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra; Izao angaha no Kristy? **30** Dia nivoaka avy tao an-tanàna ny olona ka nankeo amin' i Jesosy. **31** Ary raha tsy mbola tonga izy ireny, ny mpianany dia nangataka taminy ka nanao hoe: Hano, Raby ô. **32** Fa hoy Jesosy taminy: Izaho manan-kanin-kohanina izay tsy fantatrareo. **33** Dia niresaka ny mpianatra ka nanao hoe: Nisy olona nitondra zavatra hohaniny va re? **34** Hoy Jesosy taminy: Ny haniko dia ny manao ny sitrapon' izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany. **35** Moa ianareo tsy manao hoe va: Efa-bolana no sisa, dia tonga ny fararano? Indro, lazaiko aminareo: Atopazy ny masonareo, ka jereo ny eny an-tsaha, fa efa masaka sahady hojinjana izy. **36** Ary izay mijinja dia mandray karama ka mamory vokatra ho amin' ny fiainana mandrakizay, mba hiara-mifaly ny mpamafy sy ny mpijinja. **(aiōnios g166)** **37** Ary amin' izany dia marina ilay teny hoe: Ny iray mamafy, ary ny iray kosa mijinja, **38** Izaho naniraka anareo hijinja izay tsy nisasaranareo; olon-kafa no nisasatra, fa ianareo kosa no niditra teo amin' izay nisasarany. **39** Ary maro ny Samaritana avy tao amin' izany tanàna izany no nino an' i Jesosy noho ny filazan-dravehivavy, izay nanambara hoe: Nolazainy tamiko avokoa izay rehetra nataoko. **40** Ary rehefa nanatona Azy ny Samaritana, dia nangataka Azy hitoetra tao aminy; ka dia nitoetra tao indroa andro Izy. **41** Ary maro koa no nino noho ny teniny **42** ka nanao tamin-dravehivavy hoe: Tsy noho ny filazanao ihany no inoanay, fa ny tenanay no mandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao. **43** Ary rehefa afaka ny indroa andro, dia niala tao Jesosy ka nankany Galilia. **44** Fa ny tenan' i Jesosy no efa nanambara fa tsy misy mpaminany manan-daza eo amin' ny taniny. **45** Koa rehefa tonga tany Galilia Izy, dia nandray Azy ny Galiliana, satria efa hitany izay rehetra nataony tany Jerosalema tamin' ny

andro firavoravoana; fa izy ireo koa mba niakatra tamin' ny andro firavoravoana. **46** Ary tonga tany Kana any Galilia indray Jesosy, dia tany amin' ilay nampodiany ny rano ho divay. Ary nisy tandapa anankiray izay nanana zanakalahy narary tany Kapernaomy. **47** Ary rehefa reny fa Jesosy efa tonga tany Galilia avy tany Jodia, dia nankany aminy izy ka nangataka Azy mba hidina sy hahasitrana ny zanany, satria efa ho faty izy. **48** Dia hoy Jesosy taminy: Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana ianareo, dia tsy mba hety hino mihitsy. **49** Hoy ilay tandapa taminy: Tompoko, midìna re, dieny tsy mbola maty ny zanako. **50** Hoy Jesosy taminy: Andeha mody; velona ny zanakao. Ary ralehilahy nino ny teny izay nolazain' i Jesosy taminy, ka dia lasa nody. **51** Ary nony nidina izy, dia nitsena azy ny mpanompony ka nilaza fa velona ny zanany. **52** Ary izy nanontany azy ny ora izay nanaretany. Dia hoy ireo taminy: Omaly tamin' ny ora fahafito no nialan' ny tazo taminy. **53** Koa fantatry ny rainy fa tamin' izay indrindra no ora nanaovan' i Jesosy taminy hoe: Velona ny zanakao. Dia nino izy mbamin' ny ankohonany rehetra. **54** Izany no famantarana faharoa nataon' i Jesosy, fony Izy tonga tany Galilia avy tany Jodia.

5 Rehefa afaka izany, dia nisy andro firavoravoan' ny Jiosy, ary Jesosy niakatra tany Jerosalema. **2** Ary misy farihy any Jerosalema, eo akaikin' ny vavahadin' ondry, izay atao amin' ny teny Hebreo hoe Betesda, misy fialofana dimy. **3** Tao no nandrian' ny marary maro, ny jamba, ny mandringa, ny mati-ila. **5** Ary nisy lehilahy anankiray teo, izay efa narary valo amby telo-polo taona. **6** Raha nahita azy mandry Jesosy ka nahalala fa efa toy izany ela izy, dia hoy Izy taminy: Te-ho sitrana va ianao? **7** Ilay marary namaly Azy hoe: Tompoko, raha hetsehina ny rano, dia tsy mba misy olona handroboka ahy eto amin' ny farihy; nefa raha mandeha aho, dia misy olon-kafa misosoka eo alohako. **8** Hoy Jesosy taminy: Mitsangana, ento ny fandrianao, ka mandehana. **9** Ary niaraka tamin' izay dia sitrana ralehilahy ka nitondra ny fandriany, dia lasa nandeha. Ary Sabata izay andro izay. **10** Dia hoy ny Jiosy tamin' ilay efa sitrana: Sabata ny andro, ka tsy mety raha mitondra ny fandrianao ianao. **11** Fa ralehilahy namaly azy hoe: Ilay nahasitrana ahy no nanao tamiko hoe: Ento ny fandrianao, ka mandehana. **12** Ary ireo nanontany azy hoe: Iza moa izany Lehilahy izany Izay nanao taminao hoe: Ento ny fandrianao, ka mandehana? **13** Fa ilay sitrana tsy nahalala Ary; fa niala teo Jesosy, satria nisy vahoaka betsaka teo. **14** Rehefa afaka izany, dia hitan' i Jesosy teo an-kianjan' ny tempoly ralehilahy, ka hoy Izy taminy: Indro, efa sitrana ianao; aza manota intsony, fandrao hanjo anao izay ratsy noho ny teo. **15** Dia lasa ralehilahy ka nanambara tamin' ny Jiosy fa Jesosy no nahasitrana azy. **16** Ary noho izany ny Jiosy dia nanenjika an' i Jesosy, satria nanao izany zavatra izany tamin' ny Sabata Izy. **17** Fa Jesosy namaly azy hoe: Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny, ary Izaho koa miasa. **18** Nefa vao mainka nitady hamono Azy ny Jiosy, tsy noho ny namahany ny amin' ny Sabata ihany, fa noho ny nilazany koa fa Andriamanitra no Rainy, ka nanao ny tenany ho mitovy amin' Andriamanitra Izy. **19** Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon' ny Ray; fa na inona na inona no ataon' ny Ray dia toy izany koa no ataon' ny Zanaka. **20** Fa ny Ray tia ny Zanaka ka maneho Azy ny zavatra rehetra izay ataon' ny tenany; ary asa lehibe noho ireny no hasehony Azy, mba ho gaga ianareo. **21** Fa toy ny Ray manangana sy mamelona ny maty, dia tahaka izany koa no ameloman' ny Zanaka izay tiany. **22** Fa ny Ray aza tsy mitsara olona, fa ny fitsarana rehetra dia nomeny ny Zanaka, **23** mba hanajan' ny olona rehetra ny Zanaka, tahaka ny fanajany ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ny Ray, Izay naniraka Azy. **24** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay, ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana izy. **(aiōnios g166)** **25** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Avy ny andro ary tonga ankehitriny, izay handrenesan' ny maty ny feon' ny Zanak' Andriamanitra; ary izay mandre dia ho velona. **26** Fa tahaka ny Ray manana fiainana ho Azy, dia tahaka izany koa ny Zanaka nomeny hanana fiainana ho Azy; **27** ary nomeny fahefana hitsara Izy, satria Zanak' olona. **28** Aza gaga amin' izany; fa avy ny andro izay handrenesan' ny olona rehetra any am-pasana ny feony; **29** dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin' ny fitsanganana ho fiainana fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin' fitsanganana ho fahamelohana. **30** Raha Izaho ihany, dia tsy mahay manao na inona na inona; araka izay reko no itsarako; ary marina ny fitsarako; fa tsy mitady ny sitrapoko Aho, fa ny sitrapon' izay naniraka Ahy. **31** Raha Izaho no manambara ny tenako, dia tsy marina ny fanambarako. **32** Misy Anankiray Izay manambara Ahy, ary fantatro fa marina ny fanambarana izay anambarany Ahy. **33** Hianareo naniraka tany amin' i Jaona, ary nanambara ny marina izy. **34** Fa Izaho tsy mandray ny fanambarana avy amin' olona; fa milaza izany zavatra izany Aho mba ho voavonjy ianareo. **35** Izy dia jiro nirehitra ka nazava; ary nahafinaritra anareo ny nifalianareo vetivety tamin' faharavany. **36** Fa Izaho kosa manana fanambarana lehibe noho Jaona; fa ny asa nomen' ny Ahy hovitaiko, dia izany asa ataoko izany no manambara Ahy fa nirahin' ny Ray. **37** Ary ny Ray Izay naniraka Ahy, Izy no nanambara Ahy. Tsy mba renareo ny feony, na hitanareo akory aza ny endriny, **38** ary ny teniny tsy mba mitoetra ao anatinareo, satria tsy mino Izay nirahiny ianareo. **39** Dinihinareo ny Soratra Masìna, ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy. **(aiōnios g166)** **40** Kanefa tsy mety manatona Ahy ianareo hanananareo fiainana. **41** Tsy mandray laza avy amin' olona **42** Fa fantatro ianareo, fa tsy misy fitiavana an' Andriamanitra ao am-ponareo. **43** Izaho dia avy amin' ny anaran' ny Raiko, nefa tsy raisinareo; raha misy hafa avy amin' ny anaran' ny tenany, dia horaisinareo ihany izy. **44** Hataonareo izay mifampitady laza ahoana no fino, nefa ny laza avy amin' ny Andriamanitra Tokana kosa dia tsy tadiavinareo? **45** Aza ataonareo fa Izaho no hiampanga anareo amin' ny Ray;

misy ny mpiampanga anareo, dia Mosesy izay itokianareo. **46** Fa raha mba nino an' i Mosesy ianareo, dia hino Ahy, satria nanoratra nilaza Ahy izy. **47** Fa raha tsy mino izay nosoratany ianareo, hataonareo ahoana no fino ny teniko?

6 Rehefa afaka izany, dia niala Jesosy ka lasa nita ny Ranomasin' i Galilia, dia ny Ranomasin' i Tiberiasy izany. **2** Ary nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy noho ny nahitany ny famantarana izay efa nataony tamin' ny marary. **3** Ary Jesosy niakatra tao an-tendrombohitra, dia nipetraka tao mbamin' ny mpianany. **4** Fa efa akaiky ny Paska, ilay andro firavoravoan' ny Jiosy. **5** Ary Jesosy nanopy ny masony ka nahita fa nisy vahoaka betsaka nanatona Azy, dia hoy Izy tamin' i Filipo: Aiza no hividianantsika mofo hohanin' ireo? **6** Izany no nataony mba hizahany toetra azy; fa izy nahalala ihany izay efa hataony. **7** Filipo namaly Azy hoe: Na dia mofo vidina denaria roan-jato aza tsy ampy azy rehetra hananany kely avy. **8** Ny mpianany anankiray, dia Andrea, rahalahin' i Simona Petera, nilaza taminy hoe: **9** Misy zazalahy manana mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika roa, fa ho ampy inona moa izany amin' izao olona betsaka izao? **10** Fa hoy Jesosy: Asaovy mipetraka ny olona. Ary nisy ahitra be teo. Ka dia nipetraka ny lehilahy, tokony ho dimy arivo no isany. **11** Dia nandray ny mofo Jesosy; ary rehefa nisaotra, dia nizara izany tamin' izay nipetraka hihinana Izy; ary ny hazandrano koa araka izay nilainy. **12** Ary rehefa voky ny olona, dia hoy Jesosy tamin' ny mpianany: Angony ny sisa tsy lany, mba tsy hisy ho very. **13** Dia nangoniny, ka nahafeno harona roa ambin' ny folo ny sombintsombin' ny mofo vary hordea dimy, izay ambiny tsy lanin' ny nihinana. **14** Ary hoy ireny olona ireny, rehefa nahita ny famantarana izay nataon' i Jesosy: Ity tokoa no Ilay Mpaminany Izay ho tonga amin' izao tontolo izao. **15** Ary rehefa fantatr' i Jesosy fa efa ho avy ny olona haka Azy an-keriny hataony mpanjaka, dia niala ka lasa indray Izy irery nankany an-tendrombohitra. **16** Ary rehefa hariva ny andro, dia nidina ho any amin' ny ranomasina ny mpianany. **17** Ary niondrana an-tsambokely izy, dia nita ny ranomasina nankany Kapernaomy. Ary efa maizina ny andro tamin' izay, nefa Jesosy tsy mbola tonga tany aminy. **18** Ary ny ranomasina nanonja, fa mafy ny fifofofofon' ny rivotra. **19** Ary rehefa nivoy tokony ho dimy amby roa-polo na telo-polo stadio izy, dia nahita an' i Jesosy nitsangantsangana eny ambonin' ny ranomasina ka nanakaiky ny sambokely; dia natahotra izy. **20** Fa hoy Jesosy taminy: Izaho ihany; aza matahotra. **21** Dia ta-handray Azy ho eo an-tsambokely izy; ary niaraka tamin' izay ny sambokely dia tonga tamin' ny tany izay nalehany. **22** Nony ampitson' iny ny vahoaka izay nijanona teny am-pitan' ny ranomasina dia nahita fa tsy nisy sambokely hafa teo afa-tsy iray ihany, ary Jesosy tsy mba niara-niondrana an-tsambokely tamin' ny mpianany, fa ny mpianany ihany no nandeha, **23** kanefa nisy sambokely hafa avy tany Tiberiasy tonga teo akaikin' ilay tany nihinanany ny mofo, rehefa nisaotra ny Tompo, — **24** koa nony hitan' ny vahoaka fa tsy teo Jesosy, na ny mpianany, dia niondrana an-tsambokely izy ka nankany Kapernaomy hitady an' i Jesosy. **25** Ary rehefa nahita Azy teny am-pitan' ny ranomasina izy, dia hoy izy taminy: Raby ô, oviana no tonga teto Hianao? **26** Jesosy namaly azy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Mitady Ahy ianareo, nefa tsy noho ny nahitanareo famantarana, fa noho ny nihinananareo ny mofo ka voky. **27** Aza miasa hahazo ny hanina mety ho levona, fa ny hanina izay maharitra ho fiainana mandrakizay, izay homen' ny Zanak' olona anareo; fa Izy no nasian' Andriamanitra Ray tombo-kase. **(aiōnios g166)** **28** Dia hoy ireo taminy: Inona no hataonay mba hiasanay ny asan' Andriamanitra? **29** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izao no asan' Andriamanitra, dia ny hinoanareo Izay nirahiny. **30** Dia hoy ireo taminy: Inona ary no famantarana ataonao, mba ho hitanay ka hinoanay Anao? Inona moa no asa ataonao? **31** Ny razantsika nihinana ny mana tany an-efitra, araka ny voasoratra hoe: Mofo avy tany an-danitra no nomeny azy hohaniny. **32** Dia hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Tsy Mosesy no nanome anareo ny mofo avy tany an-danitra; fa ny Raiko no manome anareo ny tena mofo avy any an-danitra. **33** Fa ny mofon' Andriamanitra dia Ilay midìna avy any an-danitra ka manome fiainana ho an' izao tontolo izao. **34** Ary hoy ireo taminy: Tompo ô, omeo anay mandrakariva izany mofo izany. **35** Hoy Jesosy taminy: Izaho no mofon' aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony. **36** Fa efa nolazaiko taminareo fa nahita Ahy ihany ianareo, nefa tsy mino. **37** Izay rehetra omen' ny Raiko Ahy no hanatona Ahy; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy. **38** Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon' izay naniraka Ahy. **39** Ary izao no sitrapon' izay naniraka Ahy, dia ny tsy hamelako hisy very izay rehetra nomeny Ahy, fa hatsangako indray amin' ny andro farany izy. **40** Fa izao no sitrapon' ny Raiko, dia ny hahazoan' izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin' ny andro farany. **(aiōnios g166)** **41** Dia nimonomonona tamin' i Jesosy ny Jiosy, satria Izy nanao hoe: Izaho no mofo izay nidina avy tany an-danitra. **42** Dia hoy ireo: Tsy Ilehio va no Jesosy, Zanak' i Josefa, Izay fantatsika ny rainy aman-dreniny? Ahoana no dia anaovany ankehitriny hoe: ho nidina avy tany an-danitra? **43** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Aza mimonomonona ianareo. **44** Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy taomin' ny Ray Izay naniraka Ahy; ary Izaho hanangana azy amin' ny andro farany. **45** Voasoratra ao amin' ny mpaminany hoe: Ary izy rehetra dia hampianarin' Andriamanitra. Izay rehetra mandre ka mianatra amin' ny Ray no manatona Ahy. **46** Nefa tsy nisy nahita ny Ray, afa-tsy Izay avy amin' Andriamanitra: Izy no nahita ny Ray. **47** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino no manana fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **48** Izaho no mofon' aina. **49** Ny razanareo nihinana ny mana tany an-efitra, nefa maty ihany. **50** Ity no mofo izay midìna avy any an-danitra, mba tsy ho faty izay mihinana azy. **51** Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra; raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy; ary ny mofo izay homeko dia ny nofoko ho fiainan' izao tontolo izao. **(aiōn g165)** **52**

Dia nifanditra ny Jiosy ka nanao hoe: Hataon' ilehio ahoana re no fanome ny nofony hohanintsika? **53** Fa hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Raha tsy mihinana ny nofon' ny Zanak' olona sy misotro ny ràny ianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo. **54** Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin' ny andro farany. **(aiōnios g166)** **55** Fa ny nofoko no tena fihinana, ary ny rako no tena fisotro. **56** Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no mitoetra ao amiko, ary Izaho kosa ao aminy. **57** Ary tahaka ny nanirahan' ny Ray velona Ahy, ary Izaho koa velona amin' ny Ray, dia tahaka izany koa izay mihinana Ahy no ho velona amiko. **58** Ity no mofo izay nidina avy tany an-danitra; tsy tahaka ny razana izay nihinana, nefa maty ihany; fa izay mihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay. **(aiōn g165)** **59** Izany teny izany no nolazainy tao amin' ny synagoga, raha nampianatra tao Kapernaomy Izy. **60** Koa maro tamin' ny mpianany, nony nandre, dia nanao hoe: Sarotra izany teny izany, iza no mahahaino izany? **61** Ary fantatr' i Jesosy tao am-pony fa nimonomonona tamin' izany ny mpianany, ka dia hoy Izy taminy: Mahatafintohina anareo va izay? **62** Mainka raha mahita ny Zanak' olona miakatra ho any amin' izay nitoerany taloha ianareo. **63** Ny fanahy no mahavelona; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana. **64** Fa misy ny sasany aminareo izay tsy mino. Fa fantatr' i Jesosy hatramin' ny voalohany izay tsy nino sy izay hamadika Azy. **65** Ary hoy Izy: Izany no nilazako taminareo fa tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy nomen' ny Ray azy izany. **66** Hatramin' izany dia maro tamin' ny mpianany no nihemotra ka tsy niara-nandeha taminy intsony. **67** Dia hoy Jesosy tamin' ny roa ambin' ny folo lahy: Hianareo koa va mba te-hiala? **68** Simona Petera namaly Azy hoe: Tompo ô, hankany amin' iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin' ny fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **69** Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no Ilay Masin' Andriamanitra. **70** Jesosy namaly azy hoe: Tsy Izaho va no nifidy anareo roa ambin' ny folo lahy, nefa ny anankiray aminareo aza dia devoly? **71** Fa Izy nilaza an' i Jodasy, zanak' i Simona Iskariota; fa izy no ilay efa hamadika Azy, nefa isan' ny roa ambin' ny folo lahy.

7 Ary rehefa afaka izany, dia nandeha tany Galilia Jesosy; fa nalain-kandeha tany Jodia Izy, satria nitady hahafaty Azy ny Jiosy. **2** Ary efa akaiky ny andro firavoravoan' ny Jiosy, dia ny amin' ny Tabernakely, **3** ka hoy ny rahalahiny taminy: Mialà eto, ka mandehana ho any Jodia, mba ho hitan' ny mpianatrao koa ny asa izay ataonao; **4** fa tsy misy olona manao zavatra amin' ny takona, nefa ny tenany mitady ho hita miharihary; raha manao izany zavatra izany Hianao, dia misehoa amin' izao tontolo izao. **5** Fa na dia ny rahalahiny aza tsy nino Azy. **6** Dia hoy Jesosy taminy: Tsy mbola tonga ny fotoako; fa ny fotoanareo dia vonona lalandava. **7** Tsy mahazo mankahala anareo izao tontolo izao; fa Izaho no halany, satria milaza fa ratsy ny asany. **8** Miakara ho amin' ny andro firavoravoana ianareo; fa Izaho tsy mbola miakatra ho amin' ity andro firavoravoana ity; satria tsy mbola tonga ny fotoako. **9** Ary rehefa nilaza izany teny izany taminy Izy, dia mbola nitoetra tany Galilia ihany. **10** Fa rehefa lasa niakatra ho amin' ny andro firavoravoana ny rahalahiny, dia niakatra koa Izy, nefa tsy mba nisehoseho, fa toa niafinafina. **11** Ary ny Jiosy dia nitady Azy tamin' ny andro firavoravoana ka nanao hoe: Aiza Izy? **12** Ary nitakoritsika Azy be ihany ny vahoaka. Hoy ny sasany: Tsara fanahy Izy; fa hoy kosa ny sasany; Tsia; fa mamitaka ny vahoaka Izy. **13** Nefa tsy nisy sahy niresaka Azy miharihary noho ny fahatahorany ny Jiosy. **14** Ary rehefa nisasaka ny andro firavoravoana, dia niakatra teo an-kianjan' ny tempoly Jesosy ka nampianatra. **15** Dia gaga ny Jiosy ka nanao hoe: Ahoana no nahaizan' ilehity soratra, nefa tsy mba nianatra Izy? **16** Dia namaly azy Jesosy ka nanao hoe: Tsy Ahy ny fampianarako, fa an' izay naniraka Ahy. **17** Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin' ny fampianarana izy, na avy amin' Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy Aho. **18** Izay miteny ho azy dia mitady ny voninahitry ny tenany; fa izay mitady ny voninahitr' izay naniraka azy no marina, ary tsy misy tsi-fahamarinana ao aminy. **19** Tsy Mosesy va no nanome anareo ny lalàna? nefa tsy misy eo aminareo mankatò ny lalàna. Nahoana ianareo no mitady hamono Ahy? **20** Ny vahoaka namaly hoe: Manana demonia Hianao; iza no mitady hamono Anao? **21** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Asa iray loha ihany no nataoko, ka gaga avokoa ianareo rehetra. **22** Izao no nanomezan' i Mosesy anareo ny famorana: tsy noho izy avy tamin' i Mosesy, fa noho izy avy tamin' ny razana, ka na dia amin' ny Sabata aza dia mamora olona ihany ianareo. **23** Raha amin' ny Sabata aza no amorana olona, mba tsy hahafoana ny lalàn' i Mosesy, dia tezitra amiko va ianareo, satria nisy olona anankiray nataoko sitrana avokoa ny tenany rehetra tamin' ny Sabata. **24** Aza mitsara araka ny miseho, fa mba mitsarà marina. **25** Ary ny mponina sasany tany Jerosalema dia nanao hoe: Tsy Ilehity va Ilay tadiaviny hovonoina? **26** Ary indro Izy miteny miharihary, nefa tsy misy miteny Azy akory. Sao efa fantatry ny mpanapaka anie fa Io no Kristy? **27** Nefa fantatsika izay nihavian' ilehio, fa raha avy Kristy, tsy misy mahalala izay hihaviany. **28** Dia niantso teo an-kianjan' ny tempoly Jesosy, raha nampianatra, ka nanao hoe: Izaho dia fantatrareo, sady fantatrareo koa izay nihaviako; ary tsy avy ho Ahy Aho, fa marina ny naniraka Ahy, Izay tsy fantatrareo. **29** Izaho mahalala Azy; fa Izy no nihaviako, ka Izy no naniraka Ahy. **30** Dia nitady hisambotra Azy ny olona; kanefa tsy nisy naninji-tanana taminy, satria tsy mbola tonga ny fotoany. **31** Ary maro ny vahoaka no nino Azy ka nanao hoe: Raha tonga Kristy, moa hanao famantarana maro mihoatra noho ny nataon' ity Lehilahy ity va Izy? **32** Ny Fariseo nandre ny vahoaka nitakoritsika izany zavatra izany ny aminy; ary ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo dia naniraka mpiandry raharaha mba hisambotra Azy. **33** Dia hoy Jesosy: Kely foana no itoerako aminareo, dia hankany amin' izay naniraka Ahy Aho. **34** Hitady Ahy ianareo, fa tsy hahita; ary izay itoerako dia tsy azonareo haleha. **35** Dia niresaka hoe ny Jiosy: Hankaiza moa no halehan' ilehity,

no tsy ho hitantsika? Hankany amin' izay miely any amin' ny Grika va Izy ka hampianatra ny Grika? **36** Ahoana re izao teny nolazainy izao hoe: Hitady Ahy ianareo, fa tsy hahita; ary izay itoerako tsy azonareo haleha? **37** Ary tamin' ny andro farany, izay andro lehibe tamin' ny andro firavoravoana, dia nitsangana Jesosy ka niantso nanao hoe: Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. **38** Izay mino Ahy, dia hisy onin' ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan' ny Soratra Masìna. **39** Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin' ny mino Azy, no nolazainy tamin' izany; fa ny Fanahy tsy mbola nomena, satria Jesosy tsy mbola niditra tamin' ny voninahiny. **40** Ary ny sasany tamin' ny vahoaka, raha nandre izany teny izany, dia nanao hoe: Ity tokoa no Ilay Mpaminany. **41** Hoy ny sasany: Ity no Kristy. Fa hoy kosa ny sasany: Avy any Galilia va no ihavian' i Kristy? **42** Tsy voalazan' ny Soratra Masìna va fa Kristy dia avy amin' ny taranak' i Davida, sady avy ao Betlehema, vohitra nonenan' i Davida? **43** Dia nisara-tsaina ny amin' i Jesosy ny vahoaka. **44** Ary ny sasany nitady hisambotra Azy; kanefa tsy nisy naninjitanana taminy. **45** Ary ny mpiandry raharaha nankeo amin' ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo, ka hoy izy ireo taminy: Nahoana ianareo no tsy nitondra Azy? **46** Ny mpiandry raharaha namaly hoe: Tsy mbola nisy olona niteny tahaka izany. **47** Ary ny Fariseo namaly azy hoe: Hianareo koa va voafitaka? **48** Moa misy mpanapaka na Fariseo mba nino Azy? **49** Fa voaozona ireto vahoaka ireto, izay tsy mahalala ny lalàna. **50** Ary Nikodemosy, anankiray teo aminy, dia ilay nankeo amin' i Jesosy teo aloha, dia nanao taminy hoe: **51** Moa manameloka olona va ny lalàntsika, raha tsy mbola mihaino azy aloha ka mahafantatra izay nataony? **52** Izy ireo namaly ka nanao taminy hoe: Hianao koa angaha mba avy any Galilia? Diniho, dia ho hitanao fa tsy mba misy mpaminany avy any Galilia. **53** [Dia samy lasa nody ho any an-tranony avy izy rehetra;

8 fa Jesosy kosa nankany an-tendrombohitra Oliva. **2** Ary nony maraina koa dia nankeo an-kianjan' ny tempoly indray Jesosy, ary ny vahoaka rehetra nanatona Azy, dia nipetraka Izy ka nampianatra azy. **3** Ary nisy vehivavy anankiray azo nijangajanga nentin' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo; ary rehefa napetrany teo afovoany izy, **4** dia hoy ireo taminy: Mpampianatra ô, ity vehivavy ity azo olantanana nijangajanga. **5** Ary ao amin' ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany; fa ahoana kosa hoy Hianao? **6** Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hiampangany Azy. Fa Jesosy niondrika ka nanoratra teo amin' ny tany tamin' ny rantsan-tànany. **7** Ary raha naharitra nanontany Azy ireo, dia nitraka Izy ka nanao taminy hoe: Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. **8** Dia niondrika indray Izy ka nanoratra teo amin' ny tany tamin' ny rantsan-tànany. **9** Ary raha nandre izany izy, dia nivoaka tsirairay hatramin' ny zokinjokiny ka hatramin' ny zandrinjandriny; ary Jesosy irery ihany no sisa teo sy ilay vehivavy teo. **10** Ary rehefa nitraka Jesosy, dia hoy Izy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va? **11** Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesosy: Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin' izao sisa izao dia aza manota intsony.] **12** Ary Jesosy niteny tamin' ny olona indray ka nanao hoe: Izaho no fahazavan' izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin' ny maizina, fa hanana ny fahazavan' aina. **13** Ary hoy ny Fariseo taminy: Hianao manambara ny tenanao, koa tsy marina ny fanambaranao. **14** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Na dia manambara ny tenako aza Aho, dia marina ny fanambarako, satria fantatro izay nihaviako sy izay alehako; fa ianareo kosa tsy mahalala izay ihaviako, na izay alehako. **15** Hianareo mitsara araka ny nofo; Izaho tsy mitsara olona na dia iray akory aza. **16** Ary na dia mitsara aza Aho, dia marina ny fitsarako, satria tsy irery Aho, fa Izaho sy ny Ray Izay naniraka Ahy. **17** Ary voasoratra ao amin' ny lalànareo fa marina ny fanambaran' ny olona roa lahy. **18** Izaho no manambara ny tenako, ary ny Ray Izay naniraka Ahy dia manambara Ahy koa. **19** Dia hoy ireo taminy: Aiza izay Rainao? Jesosy namaly hoe: Samy tsy fantatrareo, na Izaho, na ny Raiko; raha nahalala Ahy ianareo, dia ho nahalala ny Raiko koa. **20** Izany teny izany no nolazain' i Jesosy teo akaikin' ny fandatsahandrakitra, raha nampianatra teo an-kianjan' ny tempoly Izy; ary tsy nisy olona nisambotra Azy, satria tsy mbola tonga ny fotoany. **21** Ary hoy indray Jesosy taminy: Handeha Aho, ary hitady Ahy ianareo, ary ho faty amin' ny fahotanareo; izay alehako tsy azonareo haleha. **22** Dia hoy ny Jiosy: Hamono tena va Izy, no manao hoe: Izay alehako tsy azonareo haleha? **23** Fa hoy Izy taminy; Hianareo avy atỳ ambany; Izaho avy any ambony; ianareo avy amin' izao tontolo izao; Izaho tsy mba avy amin' izao tontolo izao; **24** koa izany no nilazako taminareo fa ho faty amin' ny fahotanareo ianareo; fa raha tsy mino ianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty amin' ny fahotanareo ianareo. **25** Dia hoy ireo taminy: Iza moa Hianao? Hoy Jesosy taminy: Ilay nolazaiko taminareo hatramin' ny voalohany. **26** Manana zavatra maro hilazana sy hitsarana anareo Aho, satria marina Izay naniraka Ahy; ary izay zavatra efa reko taminy no lazaiko amin' izao tontolo izao. **27** Tsy fantany fa ny Ray no nolazainy taminy, **28** ka dia hoy Jesosy: Rehefa asandratrareo ny Zanak' olona, dia ho fantatrareo fa Izaho no Izy, ary tsy manao na inona na inona ho Ahy Aho, fa araka ny nampianarin' ny Raiko Ahy no ilazako izany zavatra izany. **29** Ary izay naniraka Ahy dia eto amiko; tsy nandao Ahy ho irery Izy, satria Izaho manao izay sitrany mandrakariva. **30** Raha nanao izany teny izany Jesosy, dia maro no nino Azy. **31** Dia hoy Jesosy tamin' ny Jiosy izay nino Azy: Raha maharitra amin' ny teniko ianareo, dia ho mpianatro tokoa; **32** ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo. **33** Ary ireo dia namaly Azy ka nanao hoe: Taranak' i Abrahama izahay, fa tsy mba andevon' olona hatrizay ela izay; koa nahoana no ataonao hoe: Ho afaka ianareo? **34** Jesosy namaly azy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izay rehetra manota dia andevon' ny ota. **35** Fa ny andevo tsy mitoetra ao an-trano mandrakariva; fa ny zanaka no mitoetra mandrakariva. **(aiōn g165)** **36** Koa raha ny Zanaka

no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo. **37** Fantatro ihany fa taranak' i Abrahama ianareo, nefa mitady hamono Ahy, satria ny teniko tsy mitombo ao anatinareo. **38** Izay efa hitako tamin' ny Ray no lazaiko, ary ianareo kosa manao izay renareo tamin' ny rainareo. **39** Dia namaly ireo ka nanao taminy hoe: Abrahama no rainay. Hoy Jesosy taminy: Raha zanak' i Abrahama ianareo, dia ny asan' i Abrahama no hataonareo. **40** Fa ankehitriny ianareo mitady hamono Ahy, Izay Lehilahy nilaza ny marina taminareo, dia izay efa reko tamin' Andriamanitra; tsy mba nanao izany Abrahama. **41** Hianareo manao ny asan' ny rainareo. Hoy ireo taminy: Tsy mba teraka avy tamin' ny fijangajangana izahay; iray Ray izahay, dia Andriamanitra ihany. **42** Hoy Jesosy taminy: Raha Andriamanitra no Rainareo, dia ho tia Ahy ianareo, satria avy tamin' Andriamanitra no nivoahako sy nankanesako atỳ; fa Izaho tsy tonga ho Ahy, fa Izy no naniraka Ahy. **43** Nahoana no tsy azonareo ny teniko? satria tsy mahay mihaino ny teniko ianareo. **44** Hianareo avy tamin' ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin' ny taloha, ary tsy nitoetra tamin' ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha mandainga izy, dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain' ny lainga. **45** Fa satria milaza ny marina Aho, dia tsy inoanareo. **46** Iza moa aminareo no mampiseho Ahy ho nanota? Raha ny marina no lazaiko, nahoana ianareo no tsy mino Ahy? **47** Izay avy amin' Andriamanitra dia mihaino ny tenin' Andriamanitra; izany no tsy ihainoanareo, satria tsy mba avy amin' Andriamanitra ianareo. **48** Dia namaly ny Jiosy ka nanao taminy hoe: Tsy marina va ny filazanay fa Samaritana Hianao sady manana demonia? **49** Jesosy namaly hoe: Izaho tsy manana demonia, fa mankalaza ny Raiko, ary ianareo kosa mahafaboninahitra Ahy. **50** Fa Izaho tsy mitady ny voninahitro; misy Iray mitady sy mitsara. **51** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Raha misy olona mitandrina ny teniko, dia tsy mba hahita fahafatesana izy mandrakizay. **(aiōn g165)** **52** Dia hoy ny Jiosy taminy: Fantatray ankehitriny fa manana demonia Hianao. Efa maty Abrahama sy ny mpaminany; nefa hoy Hianao: Raha misy olona mitandrina ny teniko, dia tsy mba hanandrana fahafatesana izy mandrakizay. **(aiōn g165)** **53** Moa Hianao va lehibe noho Abrahama rainay izay efa maty? sady efa maty koa ny mpaminany; manao Anao ho iza moa Hianao? **54** Jesosy namaly hoe: Raha mankalaza ny tenako Aho, dia tsinontsinona ny lazako; ny Raiko, Izay ataonareo fa Andriamanitrareo, Izy no mankalaza Ahy. **55** Tsy fantatrareo Izy, fa Izaho no mahalala Azy; ary raha hoy Izaho: Tsy fantatro Izy, dia mba mpandainga tahaka anareo koa Aho; nefa mahalala Azy Aho ka mitandrina ny teniny. **56** Ravoravo Abrahama rainareo hahita ny androko; ary nahita izy ka faly. **57** Dia hoy ny Jiosy taminy: Tsy mbola dimam-polo taona akory Hianao, ka dia efa nahita an' i Abrahama va? **58** Hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa: Fony tsy mbola ary Abrahama, dia Izy Aho. **59** Dia naka vato hitoraka Azy ny olona; fa Jesosy niery ka niala teo ankianjan' ny tempoly.

9 Ary raha nandalo Jesosy, dia nahita lehilahy jamba hatry ny fony vao teraka. **2** Ary ny mpianany nanontany Azy hoe: Raby ô, iza moa no nanota, io lehilahy io va, sa ny ray aman-dreniny, no dia teraka jamba izy? **3** Jesosy namaly hoe: Tsy io lehilahy io no nanota, na ny ray aman-dreniny, fa ny hanehoana ny asan' Andriamanitra eo aminy. **4** Isika tsy maintsy manao ny asan' izay naniraka Ahy, raha mbola antoandro; avy ny alina, ka tsy mahazo miasa ny olona. **5** Raha amin' izao tontolo izao Aho, dia fahazavan' izao tontolo izao. **6** Rehefa nilaza izany Izy, dia nandrora tamin' ny tany ka nanao feta tamin' ny rora, dia nahosony ny mason' ilay jamba. **7** Ary hoy Izy taminy: Andeha, sasao ny masonao any amin' ny farihy Siloama (izay atao hoe, raha adika, Nirahina). Dia lasa izy ka nanasa, dia niverina nahiratra. **8** Koa izay nifanolotra taminy sy izay nahita azy fa mpangataka izy taloha dia nanao hoe: Tsy ity va ilay nipetraka nangataka? **9** Hoy ny sasany: Izy ity, fa hoy ny sasany: Tsia, fa tahaka azy ihany; ary hoy kosa izy: Izaho no izy. **10** Dia hoy ny olona taminy: Ahoana no nahiratan' ny masonao? **11** Ary izy namaly ka nanao hoe: Ilay Lehilahy atao hoe Jesosy no nanao feta, dia nanosotra ny masoko ka nanao tamiko hoe: Mankanesa any Siloama, ka sasao ny masonao; koa nandeha aho, dia nanasa azy, ka dia nahiratra. **12** Ary hoy ny olona taminy: Aiza moa izany Lehilahy izany? Hoy ralehilahy: Tsy fantatro. **13** Ary ilay jamba taloha dia nentiny tany amin' ny Fariseo. **14** Ary tamin' ny andro Sabata no nanaovan' i Jesosy ny feta sy nampahiratany ny mason-dralehilahy. **15** Ary ny Fariseo koa nanontany azy izay nahiratan' ny masony. Dia hoy izy taminy: Nasiany feta ny masoko, dia nosasako, ka nahiratra aho. **16** Ary hoy ny Fariseo sasany: Tsy avy amin' Andriamanitra izany Lehilahy izany, satria tsy mitandrina ny Sabata Izy. Hoy ny sasany: Hataon' ny lehilahy mpanota ahoana no fahay manao fahagagana toy izany? Dia nisara-tsaina izy. **17** Ary hoy indray izy tamin' ilay jamba: Ahoana no ilazanao Azy, fa nampahiratra ny masonao Izy? Dia hoy izy: Mpaminany Izy. **18** Ary amin' izany ny Jiosy tsy nino azy ho efa jamba ka nahiratra, ambara-piantsony ny ray aman-drenin' ilay nahiratra **19** ka nanontaniany hoe: Zanakareo moa ity, izay lazainareo fa teraka jamba? Koa nanao ahoana ary no nahiratany izao? **20** Ny ray aman-dreniny namaly ka nanao hoe: Fantatray fa zanakay ity sady teraka jamba; **21** fa tsy fantatray izay nahiratany izao; ary tsy fantatray izay nampahiratra ny masony; izy ihany no anontanio; efa lehibe izy, aoka izy no hilaza ny amin' ny tenany. **22** Izany teny izany no nolazain' ny ray aman-dreniny, satria natahotra ny Jiosy izy; fa efa nifanaiky rahateo ny Jiosy fa raha misy manaiky Azy ho Kristy dia horoahina hiala amin' ny synagoga. **23** Izany no nilazan' ny ray aman-dreniny hoe: Efa lehibe izy, koa izy no anontanio. **24** Dia niantso ilay jamba teo aloha indray izy ka nanao taminy hoe: Omeo voninahitra Andriamanitra; izahay mahalala fa mpanota izany Lehilahy izany. **25** Fa izy namaly hoe. Tsy fantatro na mpanota Izy, na tsia; zavatra iray loha ihany no fantatro: jamba aho teo aloha, fa mahiratra aho izao. **26** Dia hoy izy taminy: Inona no nataony taminao? Nanao ahoana ange no nampahiratany

ny masonao? **27** Dia namaly azy hoe izy: Efa voalazako taminareo rahateo, fa tsy nihaino ianareo; nahoana no te-hihaino indray ianareo? Moa te-ho mpianany koa va ianareo? **28** Dia nanevateva azy izy ka nanao hoe: Ialahy no mpianany; fa izahay mpianatr' i Mosesy. **29** Izahay mahalala fa Mosesy no nitenenan' Andriamanitra; fa ny amin' izany Lehilahy izany, dia tsy fantatray izay nihaviany. **30** Ralehilahy namaly azy hoe: Mba mahagaga tokoa lahy izany! fa tsy fantatrareo ny nihaviany, nefa nampahiratra ny masoko Izy. **31** Fantatsika fa Andriamanitra tsy mihaino ny mpanota; fa izay mivavaka aminy sy manao ny sitrapony no henoiny. **32** Hatrizay hatrizay dia tsy mbola re fa nisy nampahiratra ny mason' izay teraka jamba. **(aiōn g165)** **33** Raha tsy avy amin' Andriamanitra izany Lehilahy izany, dia tsy mahefa na inona na inona Izy. **34** Ary namaly ireo ka nanao taminy hoe: Tena teraka tamin' ny ota ialahy, ka ialahy indray va mampianatra anay? Dia noroahiny izy. **35** Jesosy nandre fa efa noroahiny ralehilahy; ary rehefa nahita azy Izy, dia nanao hoe: Mino ny Zanak-Andriamanitra va ianao? **36** Ralehilahy namaly ka nanao hoe: Iza moa no Izy, Tompoko, mba hinoako Azy? **37** Hoy Jesosy taminy: Efa nahita Azy ianao, sady Izay miresaka aminao izao no Izy. **38** Ary hoy izy: Tompoko, mino aho. Dia niankohoka teo anatrehany izy. **39** Ary hoy Jesosy: Ho fitsarana no nahatongavako amin' izao tontolo izao, mba hahiratra ny tsy mahiratra, ary mba ho tonga jamba kosa ny mahiratra. **40** Ary ny Fariseo sasany izay teo aminy, nony nandre izany, dia nanao taminy hoe: Izahay koa va mba jamba? **41** Hoy Jesosy taminy: Raha jamba ianareo, dia tsy ho nanan-keloka; nefa hoy ianareo ankehitriny: Mahiratra izahay; dia tsy afaka ny helokareo.

10 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izay tsy miditra amin' ny vavahady ho amin' ny valan' ondry, fa mananika ny fefy, dia mpangalatra sy jiolahy. **2** Fa izay miditra amin' ny vavahady no mpiandry ny ondry. **3** Ary izy no vohan' ny mpiandry vavahady; ary ny ondry mihaino ny feony; ary izay ondriny tokoa dia antsoiny amin' ny anarany avy ka entiny mivoaka. **4** Ary rehefa mamoaka ireo rehetra ireo izy, dia mialoha azy; ary ny ondriny manaraka azy, satria mahalala ny feony ireo. **5** Ary ny vahiny tsy harahiny, fa handosirany, satria tsy fantany ny feon' ny vahiny. **6** Izany fanoharana izany no nolazain' i Jesosy taminy, nefa tsy azony izay zavatra nolazainy taminy. **7** Dia hoy indray Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izaho no vavahadin' ondry. **8** Mpangalatra sy jiolahy izay rehetra tonga talohako; fa tsy nihaino azy ny ondry. **9** Izaho no vavahady; raha Izaho no hidiran' ny olona, dia hovonjena izy ka hiditra sy hivoaka sady hahazo hanina. **10** Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be. **11** Izaho no Mpiandry Tsara; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry. **12** Ary ny mpikarama, satria tsy mpiandry na tompon' ny ondry izy, koa raha mahita ny amboadia avy, dia mandao ny ondry ka mandositra, ary ny amboadia misambotra ny ondry ka mampihahaka azy; **13** mandositra izy, satria mpikarama ka tsy mitandrina ny ondry. **14** Izaho no Mpiandry Tsara; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho, **15** dia tahaka ny ahafantaran' ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray; ary Izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry. **16** Manana ondry hafa izay tsy amin' ity vala ity Aho; ary ireny koa dia tsy maintsy ho entiko ka hihaino ny feoko; ary ho tonga andiany iray izy, sady iray ihany ny Mpiandry. **17** Ary izany no itiavan' ny Raiko Ahy, satria Izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray. **18** Tsy misy manaisotra ny aiko amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray. Izany didy izany dia azoko tamin' ny Raiko. **19** Ary nisy fisarahana indray tao amin' ny Jiosy noho izany teny izany. **20** Ary maro tamin' ireo no nanao hoe: Manana demonia Izy ka efa very saina; nahoana no mihaino Azy ianareo? **21** Hoy kosa ny sasany: Tsy mba tenin' ny demoniaka izany; moa ny demonia va mahay mampahiratra ny mason' ny jamba? **22** Ary tonga ny andro firavoravoana tany Jerosalema, dia ilay atao hoe Fitokanana, ary efa ririnina ny andro. **23** Ary Jesosy nitsangantsangana teo an-kianjan' ny tempoly teo amin' ny Fialofan' i Solomona. **24** Dia nitangoronan' ny Jiosy Izy ka nanontaniany hoe: Ambara-pahoviana no hampisalasalanao anay? Raha Hianao no Kristy, dia lazao marimarina aminay. **25** Jesosy namaly azy hoe: Efa nilaza taminareo ihany Aho, nefa tsy mino ianareo; ny asa izay ataoko amin' ny anaran' ny Raiko no manambara Ahy. **26** Kanefa ianareo tsy mino, satria tsy mba isan' ny ondriko. **27** Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy, **28** ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin' ny tanako. **(aiōn g165, aiōnios g166)** **29** Ny Raiko Izay nanome Ahy dia lehibe noho izy rehetra; ary tsy misy mahay mandrombaka amin' ny tanan' ny Ray. **30** Izaho sy ny Ray dia iray ihany. **31** Dia naka vato indray ny Jiosy hitoraka Azy. **32** Jesosy namaly azy hoe: Maro ny asa tsara nasehoko taminareo avy tamin' ny Ray; koa ny asa manao ahoana amin' ireny moa no itorahanareo vato Ahy? **33** Ny Jiosy namaly Azy hoe: Tsy asa tsara no itorahanay vato Anao, fa fitenenan-dratsy, satria olona ihany Hianao, nefa manao ny tenanao ho Andriamanitra. **34** Jesosy namaly azy hoe: Tsy voasoratra ao amin' ny lalànareo va hoe: Hoy Izaho: Andriamanitra ianareo? **35** Raha ireny izay nanaovana izany tenin' Andriamanitra izany no natao hoe andriamanitra (ary ny Soratra Masìna tsy azo foanana), **36** moa Izay nohasinin' ny Ray ka nirahiny ho amin' izao tontolo izao va no ataonareo hoe: Miteny ratsy Hianao, satria hoy Izaho: Zanak' Andriamanitra Aho? **37** Raha tsy manao ny asan' ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy. **38** Fa raha manao ihany kosa Aho, na dia tsy mino Ahy aza ianareo, dia minoa ny asa, mba ho fantatrareo sy hekenareo fa ny Ray no ato amiko, ary Izaho ao amin' ny Ray. **39** Dia nitady hisambotra Azy indray ny Jiosy; fa nandositra azy Izy. **40** Dia lasa nankany an-dafin' i Jordana indray Jesosy, ho any amin' ilay tany nanaovan' i Jaona batisa voalohany, ka nitoetra tany Izy. **41** Ary maro no nankeo aminy ka nanao hoe: Jaona tsy mba nanao famantarana,

nefa izay rehetra nolazainy ny amin' ity Lehilahy ity dia marina avokoa. **42** Ary maro no nino Azy teo.

11 Ary nisy lehilahy anankiray narary, dia Lazarosy avy any Betania, tanànan' i Maria sy Marta rahavaviny. **2** Maria dia ilay nanosotra ny Tompo tamin' ny menaka manitra sy namaoka ny tongony tamin' ny volon-dohany, ary Lazarosy anadahiny no narary. **3** Ary izy mirahavavy dia naniraka tany amin' i Jesosy hanao hoe: Tompoko, marary ilay tianao. **4** Ary rehefa ren' i Jesosy izany, dia hoy Izy: Tsy ho fahafatesana no anton' izany aretina izany, fa ny hampisehoana ny voninahitr' Andriamanitra, mba hankalazana ny Zanak' Andriamanitra. **5** Ary Jesosy tia an' i Marta sy ny rahavaviny ary Lazarosy. **6** Koa nony ren' i Jesosy fa narary Lazarosy, dia mbola nitoetra indroa andro teo amin' izay nitoerany ihany Izy. **7** Rehefa afaka izany, dia hoy Izy tamin' ny mpianatra: Andeha isika ho any Jodia indray. **8** Hoy ny mpianatra taminy: Raby ô, vao haingana teo no nitadiavan' ny Jiosy hitora-bato Anao, ka hankany indray va Hianao? **9** Jesosy namaly hoe: Tsy roa ambin' ny folo va ny ora amin' ny indray andro? Raha misy mandeha amin' ny antoandro, dia tsy mba tafintohina izy, fa mahita ny fahazavan' izao tontolo izao. **10** Fa raha misy kosa mandeha amin' ny alina, dia ho tafintohina izay, ka tsy misy mazava ao aminy. **11** Izany no nolazainy; ary rehefa afaka izany, dia hoy Izy taminy: Matory Lazarosy sakaizantsika; fa handeha hamoha azy Aho. **12** Dia hoy ny mpianatra taminy: Tompoko, raha matory izy, dia ho tsara ihany. **13** Nefa Jesosy nilaza ny fahafatesany; fa nataon' izy ireo kosa fa fialan-tsasatra amin' ny torimaso no nolazainy. **14** Ary tamin' izany Jesosy dia nilaza tsotra taminy hoe: Maty Lazarosy; **15** ary faly Aho noho ny aminareo, satria tsy teo Aho, mba hinoanareo; fa andeha isika hankany aminy. **16** Dia hoy Tomasy (izay atao hoe Didymo) tamin' ny mpianatra namany: Andeha isika mba hiara-maty aminy. **17** Ary nony tonga Jesosy, dia hitany fa efa nilevina hefarana izy. **18** Ary Betania dia tao akaikin' i Jerosalema, tokony ho dimy ambin' ny folo stadio no elanelany. **19** Ary maro tamin' ny Jiosy no efa tonga teo amin' i Marta sy Maria hitsapa alahelo azy noho ny amin' ny anadahiny. **20** Ary Marta, raha nandre fa tamy Jesosy, dia nandeha nitsena Azy; fa Maria kosa nitoetra tao an-trano. **21** Ary hoy Marta tamin' i Jesosy: Tompoko, raha teto Hianao, dia tsy maty ny anadahiko. **22** Nefa fantatro fa na dia ankehitriny izao aza na inona na inona no hangatahinao amin' Andriamanitra dia homen' Andriamanitra Anao. **23** Hoy Jesosy taminy: Hitsangana ny anadahinao. **24** Fa hoy Marta taminy: Fantatro ihany fa hitsangana izy amin' ny fitsanganan' ny maty amin' ny andro farany; **25** Hoy Jesosy taminy: Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. **26** Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va ianao? **(aiōn g165)** **27** Hoy izy taminy: Eny, Tompoko; mino aho fa Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra, Ilay ho tonga amin' izao tontolo izao. **28** Ary rehefa nilaza izany izy, dia lasa nandeha ka niantso mangingina an' i Maria rahavaviny, nanao hoe: Tonga ny Mpampianatra ka miantso anao. **29** Ary raha vao nandre izany Maria, dia nitsangana faingana izy ka nankeo aminy. **30** Fa Jesosy tsy mbola tonga tao an-tanàna, fa mbola teo amin' ilay nitsenan' i Marta Azy ihany. **31** Ary ny Jiosy izay tao amin' i Maria tao an-trano ka nitsapa alahelo azy, raha nahita azy nitsangana faingana ka nivoaka, dia nanaraka azy, satria nataony fa nankany amin' ny fasana hitomany any izy. **32** Ary Maria, rehefa tonga teo amin' nitoeran' i Jesosy ka nahita Azy, dia niankohoka teo amin' ny tongony ka nanao taminy hoe: Tompoko, raha teto Hianao, dia tsy maty ny anadahiko. **33** Ary Jesosy nony nahita azy nitomany sy ny Jiosy izay niaraka taminy nitomany koa, dia vonto ny fanahiny, ka tora-kovitra Izy; **34** ary hoy Izy: Aiza moa no nandevenanareo azy? Dia hoy ireo taminy: Tompoko, andeha hizaha. **35** Jesosy nitomany. **36** Dia hoy ny Jiosy: Akory ity haben' ny fitiavany azy! **37** Fa hoy ny sasany: Moa tsy hain' ilehity, Izay nampahiratra ny mason' ilay jamba va, ny manao izay tsy ho nahafaty an-dralehilahy ity? **38** Dia vonto indray ny fanahin' i Jesosy ka nankeo amin' ny fasana Izy; ary zohy izany, sady nisy vato narindrina teo. **39** Hoy Jesosy: Esory ny vato. Hoy Marta, anabavin' ny maty, taminy: Tompoko, maimbo izy izao, fa efa hefarana izay. **40** Hoy Jesosy taminy: Tsy voalazako va fa raha hino ianao, dia ho hitanao ny voninahitr' Andriamanitra? **41** Dia nesoriny ny vato. Ary Jesosy dia nanandratra ny masony ka nanao hoe: Ray ô, misaotra Anao Aho, fa efa nihaino Ahy Hianao. **42** Raha Izaho, dia fantatro fa mihaino Ahy mandrakariva Hianao; fa noho ny vahoaka mitsangana manodidina no nilazako izany, mba hinoany fa Hianao no naniraka Ahy. **43** Ary rehefa nanao izany teny izany Izy, dia niantso tamin' ny feo mahery hoe: Ry Lazarosy, mivoaha! **44** Dia nivoaka ny maty nisy fehim-paty ny tànany sy ny tongony, sady voafehy mosara koa ny tavany. Hoy Jesosy tamin' ny olona: Vahao izy, ka avelao handeha. **45** Ary maro tamin' ny Jiosy, dia ireo nankeo amin' i Maria ka nahita ny zavatra nataon' i Jesosy ireo, no nino Azy. **46** Fa ny sasany tamin' ireo kosa dia lasa nankany amin' ny Fariseo ka nilaza taminy izay nataony. **47** Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo nanangona ny Synedriona ka nanao hoe: Ahoana no hataontsika? fa iny Lehilahy iny dia manao famantarana maro. **48** Raha avelantsika hanao toy izany ihany Izy, dia hino Azy avokoa ny olona rehetra; ary ho avy ny Romana ka handrava ny fonenantsika sy ny firenentsika. **49** Ary ny anankiray taminy, dia Kaiafa, mpisoronabe tamin' izany taona izany, nanao taminy hoe: Hianareo tsy mahalala na inona na inona, **50** na misaina akory fa tsara ho anareo, raha ny lehilahy iray no ho faty hamonjy ny firenena, mba tsy ho rava avokoa ity firenena ity. **51** Ary tsy niteny izany ho azy izy, fa satria mpisoronabe tamin' izany taona izany izy, dia naminany fa Jesosy ho faty hamonjy ny firenena; **52** ary tsy hamonjy io firenena io ihany, fa mba hanangona ny zanak' Andriamanitra izay efa niely ho antoko iray. **53** Koa hatramin' izany andro izany dia nihendry hahafaty Azy ireo. **54** Ary Jesosy tsy nandeha niharihary teny amin' ny Jiosy intsony; fa niala teo Izy nankany amin' ny tany akaikin' ny efitra, ho any an-tanàna atao hoe Efraima, ary nitoetra tany Izy mbamin' ny

mpianatra. **55** Ary efa akaiky ny Pasky ny Jiosy; ary maro avy tany an-tsaha no niakatra ho any Jerosalema talohan' ny Paska mba hanadio ny tenany. **56** Dia nitady an' i Jesosy ireo, raha nijanona teo an-kianjan' ny tempoly, ka niresaka hoe: Ahoana no hevitrareo? Tsy mba ho tonga amin' ny andro firavoravoana va Izy? **57** Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo efa nandidy fa raha misy olona mahalala izay itoerany, dia tsy maintsy milaza, mba hisamborany Azy.

12 Ary rehefa henemana no sisa tsy tonga ny Paska, Jesosy dia tonga tao Betania, izay nitoeran' i Lazarosy, ilay natsangany tamin' ny maty. **2** Dia nanao fanasana ho an' i Jesosy tao izy; ary Marta no nanompo; fa Lazarosy no anankiray tamin' izay niara-nipetraka nihinana taminy. **3** Ary Maria, rehefa naka menaka manitra nisy narda sady tsara no saro-bidy, lanjan' iray livatra, dia nanosotra ny tongotr' i Jesosy sy namaoka ny tongony tamin' ny volondohany; ary feno ny hanitry ny menaka ny trano. **4** Ary hoy Jodasy Iskariota, anankiray tamin' ny mpianany, ilay efa hamadika Azy: **5** Nahoana io menaka io no tsy namidy denaria telon-jato ka nomena ny malahelo? **6** Ary izy no nilaza izany, tsy noho ny fiahiany ny malahelo, fa satria mpangalatra izy sady nitondra ny kitapo ka naka izay tao anatiny. **7** Dia hoy Jesosy: Avelao izy, mba hotehiriziny ho amin' ny andro hanamboarany Ahy halevina io. **8** Fa ny malahelo dia etỳ aminareo mandrakariva; fa Izaho tsy mba ho etỳ aminareo mandrakariva. **9** Ary ny vahoaka betsaka tamin' ny Jiosy nahalala fa teo Izy, dia tonga teo, nefa tsy noho Jesosy ihany, fa mba hahita an' i Lazarosy koa, ilay natsangany tamin' ny maty. **10** Fa nihendry hahafaty an' i Lazarosy koa ny lohan' ny mpisorona, **11** satria izy no nialan' ny maro tamin' ny Jiosy ka ninoany an' i Jesosy. **12** Ary nony ampitson' iny ny vahoaka betsaka, izay tonga ho amin' ny andro firavoravoana, rehefa nahare fa hankany Jerosalema Jesosy, **13** dia naka sampan-drofia ka nivoaka hitsena Azy sady niantso hoe: Hosana! Isaorana anie ny Mpanjakan' ny Isiraely, Ilay avy amin' ny anaran' i Jehovah. **14** Ary Jesosy nahita zana-boriky anankiray, dia nitaingina azy, araka ny voasoratra hoe: **15** Aza matahotra, ry Ziona zanakavavy; indro, avy ny Mpanjakanao mitaingina zana-boriky. **16** Izany zavatra izany dia tsy fantatry ny mpianany tamin' ny voalohany; fa rehefa niditra tamin' ny voninahiny Jesosy, dia vao nahatsiaro izy fa voasoratra hilaza Azy izany zavatra izany, ary efa nataony taminy izany. **17** Ary nanambara Azy ny vahoaka izay teny aminy, fony Izy niantso an' i Lazarosy hivoaka tamin' ny fasana ka nanangana azy tamin' ny maty. **18** Ary izany koa no nitsenan' ny vahoaka Azy, satria efa reny fa nanao izany famantarana izany Izy. **19** Ary tamin' izany ny Fariseo dia nifampilaza hoe: Hitanareo fa tsy mahefa na inona na inona akory ianareo; indro, efa lasa manaraka Azy avokoa izao tontolo izao. **20** Ary nisy Grika sasany tamin' izay niakatra hivavaka tamin' ny andro firavoravoana, **21** ary izy ireo nankany amin' i Filipo avy any Betsaida any Galilia, dia nangataka taminy ka nanao hoe: Tompoko, mba tahahita an' i Jesosy izahay. **22** Dia lasa Filipo nilaza tamin' i Andrea; ary Andrea sy Filipo lasa nilaza tamin' i Jesosy. **23** Ary Jesosy namaly azy hoe: Tonga ny fotoana hankalazana ny Zanak' olona. **24** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Raha tsy latsaka ao amin' ny tany ny voambary ka maty, dia mitoetra foana izy; fa raha maty kosa izy, dia hahavokatra be. **25** Izay tia ny ainy no mahavery izany; fa izay mankahala ny ainy amin' izao fiainana izao no hiaro izany ho amin' ny fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **26** Raha misy olona manompo Ahy, dia aoka izy hanaraka Ahy, ary izay itoerako, dia ao koa no hitoeran' ny mpanompoko; raha misy olona manompo Ahy, dia hankalaza azy ny Ray. **27** Ankehitriny mangorohoro ny fanahiko; ary ahoana no holazaiko: Ray ô, vonjeo Aho ho afaka amin' ity ora ity? nefa izao no nihaviako ho amin' ity ora ity; **28** Ray ô, mankalazà ny anaranao. Dia nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Efa nankalaza azy Aho, ary hankalaza azy indray. **29** Ary ny vahoaka izay nitsangana teo ka nahare dia nanao hoe: Kotrokorana izany. Hoy ny sasany: Anjely no niteny taminy. **30** Jesosy namaly ka nanao hoe: Tsy noho Izaho no nahatongavan' izany feo izany, fa noho ianareo. **31** Tonga ankehitriny ny fitsarana izao tontolo izao; ankehitriny ny andrianan' izao tontolo izao no horoahina. **32** Ary Izaho, raha asandratra hiala amin' ny tany, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy. **33** Izany no nolazainy hanambara izay fahafatesana efa hiaretany. **34** Dia namaly Azy ny vahoaka ka nanao hoe: Efa renay tamin' ny lalàna fa Kristy haharitra mandrakizay; koa ahoana no ilazanao hoe: Tsy maintsy hasandratra ny Zanak' olona? Iza moa izany Zanak' olona izany? **(aiōn g165)** **35** Dia hoy Jesosy taminy: Mbola kely ihany no hitoeran' ny mazava aminareo. Mandehana, raha mbola manana ny mazava ianareo, mba tsy hahatratra anareo ny maizina; fa izay mandeha amin' ny maizina dia tsy mahalala izay alehany. **36** Raha mbola manana ny mazava ianareo, dia minoa ny mazava, mba ho tonga zanaky ny mazava. Rehefa nilaza izany Jesosy, dia niala Izy ka niery azy. **37** Nefa na dia efa nanao izany famantarana betsaka izany teo anatrehany aza Izy, dia tsy mba nino Azy ireo, **38** mba hahatanteraka ny teny nataon' Isaia mpaminany hoe: Tompoko, iza no nino ny teny nampitondraina anay? Ary iza no nampisehoana ny sandrin' i Jehovah? **39** Izany no tsy nahaizany nino, satria hoy koa Isaia: **40** Efa nanajamba ny masony sy nanamafy ny fony Izy, Mba tsy hahita ny masony, na hahalala ny fony, Dia tsy hibebaka izy, Ka tsy hahasitrana azy Aho. **41** Izany teny izany no nolazain' Isaia, satria nahita ny voninahiny izy ka nilaza Azy. **42** Kanefa maro tamin' ny mpanapaka aza no nino Azy; nefa noho ny Fariseo dia tsy nanaiky ireo, fandrao havoaka hiala amin' ny synagoga. **43** Fa tia ny voninahitra avy amin' ny olona izy ireo, fa tsy ny voninahitra avy amin' Andriamanitra. **44** Ary Jesosy niantso ka nanao hoe: Izay mino Ahy, dia tsy Izaho no inoany, fa Izay naniraka Ahy. **45** Ary izay mahita Ahy dia mahita Izay naniraka Ahy. **46** Izaho tonga amin' izao tontolo izao ho fahazavana, mba tsy hitoetra ao amin' ny maizina izay rehetra mino Ahy. **47** Ary raha misy mandre ny teniko ka tsy mitandrina, Izaho tsy mitsara azy; fa tsy tonga hitsara izao tontolo izao Aho, fa hamonjy izao tontolo izao. **48** Izay manda Ahy ka tsy mandray ny teniko, dia manana

izay mitsara azy: ny teny izay nolazaiko, izany ihany no hitsara azy amin' ny andro farany, **49** satria Izaho tsy niteny ho Ahy, fa ny Ray Izay naniraka Ahy, Izy no nandidy Ahy izay holazaiko sy izay hotoriko. **50** Ary fantatro fa fiainana mandrakizay ny didiny; koa izay lazaiko dia lazaiko araka izay nolazain' ny Ray tamiko. **(aiōnios g166)**

13 Ary talohan' ny andro firavoravoana tamin' ny Paska, satria fantatr' i Jesosy fa tonga ny fotoana hialany amin' izao tontolo izao ho any amin' ny Ray, ary efa tia ny Azy izay amin' izao tontolo izao Izy, dia tia azy hatramin' ny farany. **2** Ary raha mbola teo amin' ny fisakafoana hariva, ary Jodasy Iskariota, zanak' i Simona, efa nomen' ny devoly saina rahateo mba hamadika Azy, **3** sady fantatr' i Jesosy koa fa ny Ray efa nanolotra ny zavatra rehetra ho eo an-tànany, ary Andriamanitra no nihaviany, sady Andriamanitra koa no hiverenany, **4** dia nitsangana niala teo am-pihinanana Izy ka nametraka ny lambany ary naka lamba famaohana, ka nisikinany; **5** ary rehefa vita izany, dia nampidina rano tamin' ny tavy Izy ka nanomboka nanasa ny tongotry ny mpianatra sy namaoka azy tamin' ny lamba famaohana izay nisikinany. **6** Dia nankeo amin' i Simona Petera Izy; fa hoy Petera taminy: Tompoko, Hianao va hanasa ny tongotro? **7** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izay ataoko dia tsy fantatrao ankehitriny, fa ho fantatrao rahatrizay. **8** Fa hoy Petera taminy: Sanatria raha hanasa ny tongotro Hianao. Jesosy namaly azy hoe: Raha tsy hosasako ianao, dia tsy manana anjara amiko. **(aiōn g165)** **9** Dia hoy Simona Petera taminy: Tompoko, tsy ny tongotro ihany ary, fa ny tanako sy ny lohako koa. **10** Fa hoy Jesosy taminy: Izay efa nandro tsy mila hosasana, afa-tsy ny tongotra ihany, fa efa madio avokoa; ary ianareo dia madio, nefa tsy ianareo rehetra. **11** Fa fantany ilay efa hamadika Azy; koa izany no nilazany hoe: Tsy madio avokoa ianareo rehetra. **12** Ary rehefa voasasany ny tongony, dia nandray ny lambany Izy ka nipetraka indray, dia nanao taminy hoe: Fantatrareo va izay nataoko taminareo? **13** Hianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo; ary marina ny filazanareo, fa izany tokoa Aho. **14** Koa raha Izaho, Tompo sy Mpampianatra aza, no nanasa ny tongotrareo, ianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra. **15** Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo. **16** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny andevo tsy lehibe noho ny tompony, na ny iraka noho ny maniraka azy. **17** Raha fantatrareo izany, dia sambatra ianareo, raha manao izany. **18** Tsy milaza anareo rehetra Aho; fa fantatro izay nofidiko; fa mba hahatanteraka ny Soratra Masìna hoe: Izay homana ny mofoko no nanangana ny ombelahin-tongony hamely Ahy. **19** Hatramin' izao dia milaza aminareo Aho, raha tsy mbola tonga izany, mba hinoanareo, rehefa tonga, fa Izaho no Izy. **20** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandray izay hirahiko dia mandray Ahy; ary izay mandray Ahy dia mandray izay naniraka Ahy. **21** Rehefa nilaza izany Jesosy, dia nangorohoro ny fanahiny, ka nanambara hoe Izy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa ny anankiray aminareo no hamadika Ahy. **22** Dia nifampijerijery ny mpianatra ka nieritreritra izay iray nolazainy. **23** Ary nisy mpianatra anankiray nipetraka nihinana teo anilan' i Jesosy, dia ilay tian' i Jesosy. **24** Simona Petera nanatsika azy ka nanao taminy hoe: Lazao izay izy. **25** Ary raha mbola nipetraka tahaka izany izy, dia niraika ho amin' ny tratran' i Jesosy ka nanao taminy hoe: Tompoko, iza moa izany? **26** Dia namaly Jesosy ka nanao hoe: Ilay homeko ny sombin-kanina lemako no izy. Ary rehefa nolemany ny sombin-kanina, dia noraisiny ka nomeny an' i Jodasy, zanak' i Simona Iskariota. **27** Ary manaraka izany no nidiran' i Satana tao aminy, ka hoy Jesosy taminy: Izay ataonao dia ataovy faingana. **28** Fa tsy nisy tamin' izay nipetraka nihinana nahalala ny anton' ny nilazany izany taminy. **29** Fa nataon' ny sasany fa satria Jodasy no nitondra ny kitapo, no nilazan' i Jesosy taminy hoe: Vidio ny zavatra ilaintsika amin' ny andro firavoravoana, na mba hanome zavatra ho an' ny malahelo. **30** Ary rehefa nandray ny sombin-kanina izy, dia nivoaka niaraka tamin' izay; ary efa alina ny andro. **31** Ary tamin' izay, nony efa nivoaka izy, dia hoy Jesosy: Ankehitriny dia efa ankalazaina ny Zanak' olona; ary Andriamanitra no ankalazaina eo aminy. **32** Ary Andriamanitra kosa hankalaza Azy amin' ny tenany; eny, hankalaza Azy miaraka amin' izay Izy. **33** Anaka, vetivety foana no sisa hitoerako eto aminareo. Hitady Ahy ianareo, ary araka ny voalazako tamin' ny Jiosy hoe: Izay alehako tsy azonareo haleha, dia toy izany koa no lazaiko aminareo ankehitriny. **34** Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny fitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. **35** Izany no hahafantaran' ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia. **36** Hoy Simona Petera taminy: Tompoko, hankaiza moa Hianao? Jesosy namaly hoe: Izay alehako, dia tsy azonao anarahana Ahy ankehitriny fa hanaraka Ahy ihany ianao rahatrizay. **37** Hoy Petera taminy: Tompoko, nahoana no tsy mahazo manaraka Anao ankehitriny aho? Na ny aiko aza dia hafoiko noho ny aminao. **38** Jesosy namaly hoe: Ny ainao va no hafoinao noho ny amiko? Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Tsy mbola hisy akoho haneno mandra-pandànao Ahy intelo.

14 Aza malahelo ny fonareo; minoa an' Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. **2** Ao an-tranon' ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. **3** Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa. **4** Ary fantatrareo koa ny lalana ho any amin' izay halehako. **5** Hoy Tomasy taminy: Tompoko, tsy fantatray izay alehanao; ka hataonay ahoana no fahafantatra ny lalana? **6** Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin' ny Ray, afa-tsy amin' ny alalako. **7** Raha nahafantatra Ahy ianareo, dia ho nahafantatra ny Raiko koa; ary hatramin' izao dia mahafantatra Azy ianareo sady efa nahita Azy. **8** Hoy Filipo taminy: Tompoko, asehoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izay. **9** Hoy Jesosy taminy: Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao

ihany va Aho, ry Filipo? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray; koa ahoana no anaovanareo hoe: Asehoy anay ny Ray? **10** Tsy mino va ianao fa Izaho ao amin' ny Ray, ary ny Ray ato amiko? Ny teny izay lazaiko aminareo, dia tsy avy amiko izany lazaiko izany; fa ny Ray mitoetra ato amiko no manao ny asa. **11** Minoa Ahy fa Izaho ao amin' ny Ray, ary ny Ray ato amiko; fa raha tsy izany, dia minoa Ahy noho ny asa ihany aza. **12** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin' ny Ray. **13** Ary na inona na inona no hangatahinareo amin' ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin' ny Zanaka. **14** Raha mangataka zavatra amiko amin' ny anarako ianareo, dia hataoko izany. **15** Raha tia Ahy ianareo, dia hitandrina ny didiko. **16** Ary Izaho hangataka amin' ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, **(aiōn g165)** **17** dia ny Fanahin' ny fahamarinana, Izay tsy azon' izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa ianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo. **18** Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankatỳ aminareo Aho. **19** Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao; fa ianareo no hahita Ahy; satria velona Aho, dia ho velona koa ianareo. **20** Amin' izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin' ny Raiko, ary ianareo ato amiko, ary Izaho ao aminareo. **21** Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy; ary izay tia Ahy no ho tian' ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy. **22** Hoy Jodasy (tsy Iskariota) taminy: Tompoko, nahoana no aminay ihany no hisehoanao, fa tsy amin' izao tontolo izao koa? **23** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy; ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izahay ka honina ao aminy. **24** Izay tsy tia Ahy dia tsy mitandrina ny teniko; ary ny teny izay renareo dia tsy Ahy, fa an' ny Ray izay naniraka Ahy. **25** Izany teny izany dia efa voalazako taminareo raha mbola mitoetra eto aminareo Aho; **26** fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masìna, Izay hirahin' ny Ray amin' ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo. **27** Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen' izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo. **28** Efa renareo fa Izaho nilaza taminareo hoe: Handeha Aho, nefa ho avy aminareo indray. Raha tia Ahy ianareo, dia ho faly, satria mankany amin' ny Ray Aho; fa ny Ray dia lehibe noho Izaho. **29** Ary ankehitriny efa nilaza taminareo Aho, dieny tsy mbola tonga izany, mba hinoanareo, rehefa tonga. **30** Tsy hilaza zavatra maro aminareo intsony Aho; fa avy ny andrianan' izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy. **31** Fa mba ho fantatr' izao tontolo izao fa tiako ny Ray, ary araka izay nandidian' ny Ray Ahy, dia izany no hataoko. Mitsangàna, andeha isika hiala eto.

15 Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra. **2** Ny sampany rehetra eo amiko izay tsy mamoa dia esoriny; fa ny sampany rehetra izay mamoa kosa dia amboariny, mba hamoa bebe kokoa. **3** Efa madio rahateo ianareo noho ny teniko, izay nolazaiko taminareo. **4** Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin' ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo, raha tsy miray amiko. **5** Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona. **6** Raha misy tsy miray amiko, dia ariana eny ivelany tahaka ny sampany izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may. **7** Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. **8** Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo. **9** Tahaka ny nitiavan' ny Ray Ahy no nitiavako anareo; tomoera amin' ny fitiavako ianareo. **10** Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hitoetra amin' ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin' ny Raiko sy ny itoerako amin' ny fitiavany. **11** Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo. **12** Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo. **13** Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany. **14** Hianareo no sakaizako, raha manao araka izay andidiako anareo. **15** Tsy hataoko hoe mpanompo intsony ianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon' ny tompony; fa efa nataoko hoe sakaiza ianareo, satria izay rehetra reko tamin' ny Raiko no nambarako taminareo. **16** Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan' ny vokatrareo, mba homen' ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin' ny anarako na inona na inona. **17** Izany zavatra izany no andidiako anareo, mba hifankatiavanareo. **18** Raha halan' izao tontolo izao ianareo, dia aoka ho fantatrareo fa Izaho efa halany talohanareo. **19** Raha naman' izao tontolo izao ianareo, dia ho tia ny azy izao tontolo izao; fa satria tsy naman' izao tontolo izao ianareo, fa Izaho efa nifidy anareo tamin' izao tontolo izao, dia halan' izao tontolo izao ianareo. **20** Tsarovy ny teny izay nolazaiko taminareo hoe: Ny mpanompo tsy lehibe noho ny tompony. Raha nanenjika Ahy izy, dia hanenjika anareo koa; ary raha nitandrina ny teniko izy, dia hitandrina ny anareo koa. **21** Fa izany rehetra izany no hataony aminareo noho ny anarako, satria tsy mahalala Izay naniraka Ahy izy. **22** Raha tsy tonga Aho ka niteny taminy, dia tsy nanan-keloka izy; fa ankehitriny dia tsy misy fialàna azony atao ny amin' ny helony. **23** Izay mankahala Ahy dia mankahala ny Raiko koa. **24** Raha tsy nataoko teo aminy Izay asa tsy nataon' olona, dia tsy nanan-keloka izy; fa ankehitriny efa hitany sady efa halany Ahy sy ny Raiko koa; **25** fa tonga izany mba hahatanteraka ny teny izay voasoratra ao amin' ny lalàny hoe: Halany foana Aho. **26** Fa raha tonga ny Mpananatra, Izay hirahiko ho aminareo avy amin' ny Ray, dia ny Fanahin' ny fahamarinana Izay mivoaka avy amin' ny Ray, dia Izy no ho vavolombelona hanambara Ahy. **27** Ary ianareo koa dia vavolombelona hanambara, satria ianareo efa teto amiko hatramin' ny voalohany.

16 Izany teny izany dia efa nolazaiko taminareo, mba tsy hahatafintohina anareo. **2** Handroaka anareo hiala amin' ny synagoga izy; eny, ho avy ny andro, ka hataon' izay rehetra mamono anareo fa manatitra fanompoampivavahana ho an' Andriamanitra izy. **3** Ary izany no hataony, satria tsy fantany ny Ray na Izaho. **4** Fa izany teny izany efa nolazaiko taminareo, mba hotsaroanareo, raha tonga ny fotoan' androny, fa Izaho efa nilaza izany taminareo. Ary tsy mba nolazaiko taminareo hatramin' ny voalohany izany, satria mbola tatỳ aminareo ihany Aho. **5** Fa ankehitriny mankany amin' izay naniraka Ahy Aho, ary tsy misy aminareo manontany Ahy hoe: Hankaiza Hianao? **6** Fa satria nilaza izany taminareo Aho, dia vonton' alahelo ny fonareo. **7** Fa Izaho milaza ny marina aminareo; mahatsara anareo ny fialàko; fa raha tsy hiala Aho, dia tsy ho avy aminareo ny Mpananatra; fa raha handeha Aho, dia hirahiko hoy aminareo Izy. **8** Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana: **9** ny fahotana, satria tsy mino Ahy izy; **10** ny fahamarinana, satria mankany amin' ny Ray Aho, ka tsy mahita Ahy intsony ianareo; **11** ny fitsarana, satria ny andrianan' izao tontolo izao dia efa voatsara. **12** Mbola manana zavatra maro holazaina aminareo Aho, nefa tsy zakanareo ankehitriny. **13** Fa raha tonga ny Fanahin' ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin' ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. **14** Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amin' ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo. **15** Izay rehetra ananan' ny Ray dia Ahy avokoa, koa izany no nilazako fa mandray avy amin' ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo. **16** Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony ianareo; ary vetivety foana indray dia hahita Ahy ianareo. **17** Ary ny mpianany sasany niresaka hoe: Inona izany nolazainy tamintsika hoe: Vetivety foana dia tsy hahita Ahy ianareo; ary vetivety foana indray dia hahita Ahy ianareo, ary, satria mankany amin' ny Ray Aho? **18** Ary hoy koa ireo: Inona izany lazainy hoe vetivety foana izany? Tsy fantatsika izay lazainy. **19** Ary Jesosy nahalala fa ta-hanontany Azy ireo, dia hoy Izy taminy: Mifanontany va ianareo, satria hoy Izaho: Vetivety foana dia tsy hahita Ahy ianareo, ary vetivety foana indray dia hahita Ahy ianareo? **20** Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Hitomany sy hisaona ianareo, fa izao tontolo izao kosa hifaly; ary ianareo halahelo, nefa ny alahelonareo hody fifaliana. **21** Manam-pahoriana ny vehivavy raha miteraka, satria tonga ny fotoany; fa rehefa velon-jaza izy, dia tsy tsaroany intsony ilay fahoriany, noho ny fifaliany fa misy zaza nateraka ho ambonin' ny tany. **22** Ary ianareo dia manana alahelo ankehitriny; fa hahita anareo indray Aho, dia ho faly ny fonareo, ary tsy misy olona manaisotra ny fifalianareo aminareo. **23** Ary amin' izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona ianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin' ny Ray dia homeny anareo amin' ny anarako izany. **24** Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin' ny anarako ianareo; mangataha, dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo. **25** Fanoharana no nilazako izany zavatra izany taminareo; fa ho avy ny andro izay tsy hilazako fanoharana aminareo intsony, fa hambarako tsotra aminareo ny amin' ny Ray. **26** Amin' izany andro izany dia hangataka amin' ny anarako ianareo; ary tsy milaza aminareo Aho fa Izaho no hangataka amin' ny Ray ho anareo; **27** fa ny Ray dia tia anareo satria ianareo efa tia Ahy, ary efa nino fa nivoaka avy tamin' ny Ray Aho. **28** Eny, nivoaka avy tamin' ny Ray Aho ka tonga amin' izao tontolo izao; ary hiala amin' izao tontolo izao indray Aho ka hankany amin' ny Ray. **29** Hoy ny mpianany: Indro, milaza tsotra Hianao ankehitriny, fa tsy manao fanoharana akory. **30** Ankehitriny dia fantatray fa mahalala ny zavatra rehetra Hianao ka tsy mitady olona hanontany Anao; izany no inoanay fa nivoaka avy tamin' Andriamanitra Hianao. **31** Jesosy namaly azy hoe: Mino va ianareo ankehitriny? **32** Indro, avy ny andro, eny, efa tonga, izay hielezanareo samy ho any amin' ny azy avy, ary hilaozanareo ho irery Aho; kanefa tsy irery Aho, fa ny Ray no ato amiko. **33** Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hananananareo fiadanana amiko. Atỳ amin' izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao.

17 Rehefa nolazain' i Jesosy izany teny izany, dia nanandratra ny masony ho amin' ny lanitra Izy ka nanao hoe: Ray ô, tonga ny fotoana; mankalazà ny Zanakao, mba hankalazan' ny Zanaka Anao. **2** araka ny nanomezanao Azy fahefana amin' ny nofo rehetra mba hanome fiainana mandrakizay ho an' izay rehetra nomenao Azy. **(aiōnios g166)** **3** Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao. **(aiōnios g166)** **4** Izaho efa nankalaza Anao tetỳ ambonin' ny tany; vitako ny asa nomenao Ahy hataoko. **5** Ary ankehitriny, Ray ô, mankalazà Ahy amin' ny tenanao, dia amin' ny voninahitra niarahako nanana taminao, fony tsy mbola ary izao tontolo izao. **6** Nasehoko tamin' ny olona izay nomenao Ahy avy tamin' izao tontolo izao ny anaranao; Anao ireny ka nomenao Ahy; ary notandremany ny teninao. **7** Fantany ankehitriny fa avy taminao izay rehetra efa nomenao Ahy. **8** Fa ny teny izay nomenao Ahy dia nomeko azy kosa, ary noraisiny, ka fantany marina tokoa fa avy taminao Aho; ary nino izy fa Hianao no naniraka Ahy. **9** Izaho mangataka ho azy; tsy mangataka ho an' izao tontolo izao Aho, fa ho an' izay nomenao Ahy, satria Anao izy. **10** Ary izay Ahy rehetra dia Anao; ary izay Anao dia Ahy; ary efa ankalazaina eo aminy Aho. **11** Ary tsy ho eto amin' izao tontolo izao intsony Aho, fa izy ireto no ho eto amin' izao tontolo izao, ary Izaho mankany aminao. Ray masìna ô, tehirizo ireo amin' ny anaranao izay nomenao Ahy, mba ho iray ihany izy, tahaka ny mahiray Antsika. **12** Raha mbola teo aminy Aho, dia nitahiry azy tamin' ny anaranao izay nomenao Ahy; ary notandremako izy, ka tsy misy very, afatsy ilay zanaky ny fahaverezana ihany; mba hahatanteraka ny Soratra Masìna. **13** Fa ankehitriny mankany aminao Aho; ary izany teny izany no lazaiko eto amin' izao tontolo izao, mba hananany ny fifaliako tanteraka ao aminy. **14** Efa

nomeko azy ny teninao; ary halan' izao tontolo izao izy, satria tsy naman' izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy naman' izao tontolo izao. **15** Izaho tsy mangataka aminao mba hampiala azy amin' izao tontolo izao, fa ny mba hiaro azy amin' ny ratsy. **16** Tsy naman' izao tontolo izao izy, tahaka Ahy tsy naman' izao tontolo izao. **17** Manamasìna azy amin' ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana. **18** Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin' izao tontolo izao no mba nanirahako azy kosa ho amin' izao tontolo izao. **19** Ary ho an' ireto no anamasinako ny tenako, mba hanamasinan' ny fahamarinanao azy. **20** Nefa tsy ho an' ireto ihany no angatahako, fa ho an' izay mino Ahy koa noho ny teniny; **21** mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy; mba hinoan' izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy. **22** Ary nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy, mba ho iray izy, tahaka ny mahiray Antsika: **23** Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko, mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr' izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy. **24** Ray ô, tiako mba ho any amiko amin' izay itoerako ireo izay nomenao Ahy, mba hahita ny voninahitro nomenao Ahy izy; fa efa tia Ahy Hianao, fony tsy mbola ary ny fanorenan' izao tontolo izao. **25** Ray marina ô, tsy nahalala Anao izao tontolo izao; fa Izaho nahalala Anao, ary ireto efa mahalala fa Hianao no naniraka Ahy. **26** Ary efa nampahafantariko azy ny anaranao, ary mbola hampahafantariko ihany, mba ho ao aminy ny fitiavana izay nitiavanao Ahy, ary Izaho koa ho ao aminy.

18 Rehefa voalazan' i Jesosy izany teny izany, dia nandeha Izy mbamin' ny mpianany ka nita ny lohasahan-driaka Kidrona; ary nisy saha teo, izay nidiran' izy sy ny mpianany. **2** Ary Jodasy koa, ilay namadika Azy, dia nahalala izany tany izany, satria mpankao matetika Jesosy mbamin' ny mpianany. **3** Ary Jodasy, rehefa nahazo ny miaramila iray toko sy mpiandry raharaha avy tamin' ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo, dia nankeo nitondra fanilo sy fanala ary fiadiana. **4** Ary satria fantatr' i Jesosy izay rehetra hanjo Azy, dia nivoaka Izy ka nanao tamin' ireo hoe: Iza moa no tadiavinareo? **5** Ary ireo namaly Azy hoe: Jesosy avy any Nazareta. Hoy Jesosy taminy: Izaho no Izy. Ary teo koa Jodasy, ilay namadika Azy. **6** Ary raha Jesosy vao nilaza taminy hoe: Izaho no Izy, dia nianotra ireo ka lavo tamin' ny tany. **7** Ary Jesosy nanontany azy indray hoe: Iza moa no tadiavinareo? Dia hoy izy: Jesosy avy any Nazareta. **8** Jesosy namaly hoe: Efa nolazaiko taminareo fa Izaho no Izy; koa raha Izaho no tadiavinareo, dia avelao handeha ireto; **9** mba hahatanteraka ny teny izay nataony hoe: Tsy nasiako very izay nomenao Ahy. **10** Ary Simona Petera nanana sabatra, dia nanatsoaka azy ka nikapa ny mpanompon' ny mpisoronabe ary nahafaka ny sofiny ankavanana. Ary Malko no anaran' ilay mpanompo. **11** Dia hoy Jesosy tamin' i Petera: Ampidiro amin' ny tranony ny sabatrao; ny kapoaka nomen' ny Raiko Ahy tsy hosotroiko va? **12** Ary ny miaramila iray toko sy ny mpifehy arivo ary ny mpiandry raharaha tamin' ny Jiosy dia nisambotra an' i Jesosy ka namatotra Azy, **13** dia nitondra Azy tany amin' i Anasy aloha, fa izy no rafozan' i Kaiafa, mpisoronabe tamin' izany taona izany. **14** Ary Kaiafa no ilay nanome saina ny Jiosy fa mahatsara raha maty ny olona anankiray hamonjy ny firenena. **15** Ary Simona Petera sy ny mpianatra anankiray koa dia nanaraka an' i Jesosy; ary fantatry ny mpisoronabe izany mpianatra izany, dia niara-niditra tamin' i Jesosy ho ao an-kianjan' ny tranon' ny mpisoronabe izy. **16** Fa Petera nijanona teo ala-trano teo am-bavahady. Dia nivoaka ilay mpianatra anankiray, izay fantatry ny mpisoronabe, ka niteny tamin' ny mpiandry vavahady, dia nitondra an' i Petera niditra. **17** Ary hoy ny ankizivavy mpiandry vavahady tamin' i Petera: Moa ianao mba isan' ny mpianatr' io Lehilahy io? Hoy izy: Tsia. **18** Ary ny mpanompo sy ny mpiandry raharaha namelona afon' arina ka nijanona namindro teo, fa nangatsiaka ny andro; ary Petera koa mba nijanona niara-namindro taminy. **19** Ary ny mpisoronabe nanadina an' i Jesosy ny amin' ny mpianany sy ny fampianarany. **20** Jesosy namaly azy hoe: Izaho niteny miharihary tamin' izao tontolo izao; Izaho nampianatra mandrakariva tao amin' ny synagoga sy ny kianjan' ny tempoly, izay iangonan' ny Jiosy rehetra; ary tsy nisy nolazaiko tao amin' ny takona; **21** koa nahoana no manontany Ahy ianao? Ireo nihaino no anontanio izay nolazaiko taminy; fa ireo no mahalala izay nolazaiko. **22** Ary rehefa nilaza izany teny izany Izy, ny mpiandry raharaha anankiray izay nitsangana teo dia namely tahamaina an' i Jesosy ka nanao hoe: Izany va no famalinao ny mpisoronabe? **23** Jesosy namaly azy hoe: Raha niteny ratsy Aho, ambarao izay ratsy; fa raha tsara ihany kosa, nahoana no dia mamely Ahy ianao? **24** Ary dia nasain' i Anasy nentina tamin' ny fatorany ho any amin' i Kaiafa mpisoronabe Izy. **25** Ary Simona Petera nijanona namindro. Dia nisy nilaza taminy hoe: Moa ianao koa mba isan' ny mpianany? Fa izy nandà ka nanao hoe: Tsia. **26** Hoy ny anankiray tamin' ny mpanompon' ny mpisoronabe havan' ilay nokapain' i Petera ny sofiny: Tsy efa hitako teo aminy tao anaty saha va ianao? **27** Dia nandà indray Petera; ary niaraka tamin' izay dia nisy akoho naneno. **28** Ary Jesosy dia nentiny niala tao amin' i Kaiafa ho ao anati-rova; ary maraina koa ny andro tamin' izay; nefa ireo tsy niditra tao anati-rova, fandrao ho voaloto, fa efa hihinana ny Paska izy. **29** Ary Pilato nivoaka ho eo aminy teo ivelany ka nanao hoe: Inona moa no iampanganareo io Lehilahy io? **30** Dia namaly ireo ka nanao taminy hoe: Raha tsy mpanao ratsy Izy, dia tsy mba natolotray anao. **31** Ary hoy Pilato taminy: Entonareo Izy, ka tsarao araka ny lalànareo. Hoy ny Jiosy taminy: Izahay tsy manam-pahefana hahafaty olona; **32** mba hahatanteraka ny tenin' i Jesosy izay nolazainy nanambara ny fomban' ny fahafatesana izay efa hiaretany. **33** Ary niditra tao anati-rova indray Pilato, dia niantso an' i Jesosy ka nanao taminy hoe: Hianao va no Mpanjakan' ny Jiosy? **34** Jesosy namaly hoe: Hevitrao ihany va no anaovanao izany, sa nisy hafa nilaza Ahy taminao? **35** Pilato namaly hoe: Moa aho Jiosy? Ny firenenao sy ny mpisoronabe no nanolotra Anao tamiko; inona moa no nataonao? **36** Jesosy namaly hoe: Ny fanjakako tsy avy

amin' izao tontolo izao; fa raha mba avy amin' izao tontolo izao ny fanjakako, dia ho niady ny mpanompoko, mba tsy ho voatolotra tamin' ny Jiosy Aho; nefa ankehitriny tsy avy amin' izany ny fanjakako. **37** Ary hoy Pilato taminy: Mpanjaka va ary Hianao? Jesosy namaly hoe: Voalazanao fa mpanjaka Aho. Izao no nahaterahako, ary izao no nihaviako amin' izao tontolo izao, dia ny hanambara ny marina. Izay rehetra avy amin' ny marina dia mihaino ny feoko. **38** Hoy Pilato taminy: Inona no marina? Ary rehefa nanontany izany izy, dia nivoaka nankeo amin' ny Jiosy indray ka nanao taminy hoe: Tsy hitako izay helony, na dia kely akory aza. **39** Fa misy fanaonareo amin' ny Paska, handefasako anankiray ho anareo; koa tianareo va raha halefako ho anareo ny Mpanjakan' ny Jiosy? **40** Ary ireo niantso indray ka nanao hoe: Tsy Ilehio, fa Barabasy; koanefa jiolahy Barabasy.

19 Ary tamin' izany dia nalain' i Pilato Jesosy ka nokapohiny. **2** Ary ny miaramila nandrandrana satroka tsilo, ka nasatrony ny lohany, ary nampitafiny lamba volomparasy Izy, **3** dia nanatona Azy ireo ka niteny hoe: Arahaba, ry Mpanjakan' ny Jiosy! sady namely tahamaina Azy izy. **4** Dia nivoaka indray Pilato ka nanao taminy hoe: Indro, izaho mitondra Azy mivoaka ho eto aminareo, mba ho fantatrareo fa tsy hitako izay helony, na dia kely akory aza. **5** Ary nivoaka Jesosy misatroka tsilo sy mitafy ny lamba volomparasy. Dia hoy Pilato tamin' ny vahoaka: Indro ny Lehilahy! **6** Ary rehefa hitan' ny lohan' ny mpisorona sy ny mpiandry raharaha Jesosy, dia niantso ireo ka nanao hoe: Homboy amin' ny hazo fijaliana Izy! homboy amin' ny hazo fijaliana Izy! Hoy Pilato taminy: Entonareo Izy, ka homboy amin' ny hazo fijaliana; fa izaho tsy mahita izay helony. **7** Fa ny Jiosy namaly azy hoe: Izahay manana lalàna, ary araka izany lalàna izany dia tokony ho faty Izy, satria nanao ny tenany ho Zanak' Andriamanitra. **8** Ary nony ren' i Pilato izany teny izany, dia vao mainka natahotra izy, **9** dia niditra tao anati-rova indray izy ka nanao tamin' i Jesosy hoe: Avy aiza moa Hianao? Fa tsy namaly azy akory Jesosy. **10** Dia hoy Pilato taminy: Tsy miteny amiko va Hianao? tsy fantatrao va fa manana fahefana handefa Anao aho, sady manana fahefana hanombo Anao amin' ny hazo fijaliana koa? **11** Jesosy namaly azy hoe: Hianao tsy manana fahefana amiko akory, raha tsy nomena anao avy any ambony; koa izay nanolotra Ahy taminao no manan-keloka bebe kokoa. **12** Ary hatramin' izany dia nitady handefa Azy Pilato; nefa ny Jiosy niantso ka nanao hoe: Raha alefanao io Lehilahy io, dia tsy mba sakaizan' i Kaisara ianao; fa izay rehetra manao ny tenany ho mpanjaka dia manao teny manohitra an' i Kaisara. **13** Ary rehefa ren' i Pilato izany teny izany, dia nitondra an' i Jesosy nivoaka izy ka nipetraka teo amin' ny seza fitsarana teo amin' ny fitoerana atao hoe Lampivato, fa amin' ny teny Hebreo Gabata **14** ary andro fiomanana amin' ny Paska ny andro, tokony ho tamin' ny ora fahenina dia hoy izy tamin' ny Jiosy: Indro ny Mpanjakanareo! **15** Fa niantso ireo hoe: Ento, ento, homboy amin' ny hazo fijaliana Izy! Hoy Pilato taminy: Hohomboako amin' ny hazo fijaliana va ny Mpanjakanareo? Ny lohan' ny mpisorona namaly hoe: Tsy manana mpanjaka afa-tsy Kaisara izahay. **16** Ary tamin' izany Pilato dia nanolotra Azy taminy mba hohomboana amin' ny hazo fijaliana. Dia noraisin' ireo Jesosy; **17** ary Izy nitondra ny hazo fijaliany, dia nankany amin' ny tany atao hoe Ikarandoha, izay atao amin' ny teny Hebreo hoe Golgota. **18** Teo no nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana, ary nisy roa lahy koa niaraka taminy, iray avy teo an-daniny roa, ary Jesosy teo afovoany. **19** Ary Pilato nanoratra anarana, ka napetany teo amin' ny hazo fijaliana. Ary izao no voasoratra: JESOSY AVY ANY NAZARETA, MPANJAKAN' NY JIOSY. **20** Ary izany anarana izany dia novakin' ny Jiosy maro, fa akaikin' ny tanàna ny tany izay nanomboana an' i Jesosy tamin' ny hazo fijaliana; ary voasoratra tamin' ny teny Hebreo sy Romana sy Grika izany. **21** Ary noho izany ny lohan' ny mpisorona tamin' ny Jiosy dia nanao tamin' i Pilato hoe; Aza soratana hoe: Mpanjakan' ny Jiosy; fa izao: Izy no nilaza hoe: Mpanjakan' ny Jiosy Aho. **22** Pilato namaly hoe: Izay voasoratro dia voasoratro. **23** Ary rehefa voahombon' ny miaramila tamin' ny hazo fijaliana Jesosy, dia nalainy ny fitafiany ka nozarainy efatra, samy nanana ny anjarany avy ny miaramila; ary ny akanjony koa; fa tsy nisy vitrana ny akanjony, fa tenona iray ihany. **24** Dia niresaka hoe izy: Aza mba triarintsika, fa aoka hilokantsika ho an' izay hahazo azy; mba hahatanteraka ny Soratra Masìna manao hoe: Nozarainy ny fitafiako, ary nilokany ny akanjoko. Izany zavatra izany no nataon' ny miaramila. **25** Ary nijanona teo akaikin' ny hazo fijalian' i Jesosy ny reniny sy ny rahavavindreniny, Maria, vadin' i Klopa, sy Maria Magdalena. **26** Ary nony hitan' i Jesosy ny reniny sy ilay mpianatra tiany nijanona teo, dia hoy Izy tamin' ny reniny: Ravehivavy, indro ny zanakao! **27** Ary hoy koa Izy tamin' ilay mpianatra: Indro ny reninao! Ary tamin' izany ora izany dia noraisin' ilay mpianatra ho any aminy izy. **28** Ary rehefa afaka izany, dia fantatr' i Jesosy fa efa vita ny zavatra rehetra tamin' izay, mba hahatanteraka ny Soratra Masìna, dia hoy Izy: Mangetaheta Aho. **29** Ary nisy bakoly feno vinaingitra nipetraka teo; ary nisy sipaonjy feno vinaingitra notohiziny tamin' ny hysopa ka nataony tamin' ny vavany. **30** Ary rehefa nanandrana ny vinaingitra Jesosy, dia nanao hoe: Vita; dia nanondrika ny lohany Izy ka nanolotra ny fanahiny. **31** Ary satria andro fiomanana ny andro, dia nangataka tamin' i Pilato ny Jiosy mba hotapahina ny ranjon' ireo, ary hesorina ny faty, mba tsy ho tratry ny andro Sabata eo amin' ny hazo fijaliana, satria andro lehibe izany Sabata izany. **32** Dia tonga ny miaramila ka nanapaka ny ranjon' ny voalohany sy ny an' ny anankiray koa izay niaraka nohomboana tamin' i Jesosy tamin' ny hazo fijaliana. **33** Fa nony nankeo amin' i Jesosy izy, dia hitany fa efa maty sahady Izy, ka dia tsy mba notapahiny ny ranjony. **34** Fa ny miaramila anankiray nandefona ny lanivoany, ary niaraka tamin' izay dia nisy rà sy rano nandeha. **35** Ary ilay nahita dia vavolombelona manambara, ary marina ny fanambarany; ary fantany fa milaza ny marina izy, mba hinoanareo koa. **36** Fa tonga izany mba hahatanteraka ny Soratra Masìna hoe: Tsy hisy hotapahina ny taolany. **37** Ary hoy koa ny teny iray ao amin' ny Soratra Masìna: Hijery Izay

nolefoniny izy. **38** Ary rehefa afaka izany, Josefa avy any Arimatia (mpianatr' i Jesosy izy, nefa tamin' ny mangingina ihany noho ny fahatahorany ny Jiosy) dia nangataka tamin' i Pilato, mba hahazoany manaisotra ny fatin' i Jesosy. Ary nanaiky Pilato. Dia lasa izy ka nanaisotra ny fatin' i Jesosy. **39** Ary tonga koa Nikodemosy (ilay nankao amin' i Jesosy nony alina tamin' ny voalohany) ka nitondra miora sy hazo manitra voaharoharo, tokony ho zato livatra. **40** Dia noraisiny ny fatin' i Jesosy ka nofonosiny lambam-paty mbamin' ny zava-manitra, araka ny fanaon' ny Jiosy, raha mamboatra faty halevina. **41** Ary nisy saha teo amin' ilay nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana; ary teo anatin' ilay saha nisy fasana vaovao, izay tsy mbola nandevenana olona. **42** Ary teo no nandevenany an' i Jesosy noho ny andro fiomanan' ny Jiosy, satria teo akaiky ny fasana.

20 Ary tamin' ny andro voalohany amin' ny herinandro dia nandeha maraina koa mbola maizimaizina hankany amin' ny fasana Maria Magdalena ka nahita ny vato voaisotra tamin' ny fasana. **2** Dia nihazakazaka nankany amin' i Simona Petera sy ilay mpianatra tian' i Jesosy izy ka nanao taminy hoe: Nalain' olona tao am-pasana ny Tompo, ka tsy fantatray izay nametrahany Azy. **3** Dia nandeha Petera sy ilay mpianatra anankiray ka nankany amin' ny fasana. **4** Ary niara-nihazakazaka izy roa lahy; ary ilay mpianatra anankiray nihazakazaka nihoatra an' i Petera ka tonga taloha tao amin' ny fasana. **5** Ary nony niondrika nitsirika izy, dia nahita ny lambam-paty nipetraka teo, nefa tsy niditra tao izy. **6** Ary avy koa Simona Petera nanaraka azy, dia niditra tao am-pasana ka nijery ny lambam-paty nipetraka teo, **7** ary ny mosara izay nafehy ny lohany tsy mba nipetraka teo amin' ny lambam-paty, fa voavalona mitokana. **8** Ary tamin' izay dia niditra koa ny mpianatra anankiray izay tonga taloha teo amin' ny fasana, ary nahita ka nino. **9** Fa tsy mbola fantany ny Soratra Masìna fa tsy maintsy hitsangana amin' ny maty Jesosy. **10** Dia lasa indray ny mpianatra nody tany aminy. **11** Fa Maria nijanona nitomany teo ivelan' ny fasana; ary raha nitomany izy, dia niondrika nitsirika ny tao am-pasana **12** ka nahita anjely roa nitafy lamba fotsy nipetraka teo, ny anankiray teo an-doha tamin' ilay nandrian' ny fatin' i Jesosy, ary ny anankiray teo an-tongotra. **13** Ary hoy ireo taminy: Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany? Dia hoy izy taminy: Satria nalain' olona ny Tompoko, ka tsy fantatro izay nametrahany Azy. **14** Rehefa nilaza izany izy, dia nitodika ka nahita an' i Jesosy nitsangana teo, nefa tsy fantany ho Jesosy. **15** Hoy Jesosy taminy: Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany? iza no tadiavinao? Nataony fa mpiandry saha Izy, ka hoy izy taminy: Tompoko, raha Hianao no naka Azy teto, lazao amiko izay nametrahanao Azy, ary izaho dia haka Azy. **16** Hoy Jesosy taminy: Ry Maria! Dia nitodika izy ka niteny taminy nanao teny Hebreo hoe: Rabôny! izany hoe: Mpampianatra ô. **17** Hoy Jesosy taminy: Aza manendry Ahy; fa tsy mbola niakatra tany amin' ny Ray Aho; fa mandehana mankany amin' ny rahalahiko, ka lazao aminy hoe: Miakatra ho any amin' ny Raiko sy ny Rainareo Aho, ary ho any amin' Andriamanitro sy Andriamanitrareo. **18** Dia tonga Maria Magdalena ka nilaza tamin' ny mpianatra hoe: Efa nahita ny Tompo aho, sady izany teny izany no nolazainy taminy. **19** Ary rehefa harivan' ilay andro voalohany amin' ny herinandro, raha voarindrina ny varavaran' izay niangonan' ny mpianatra, noho ny fahatahorany ny Jiosy, dia tonga Jesosy ka nitsangana teo afovoany, dia nanao taminy hoe: Fiadanana ho anareo. **20** Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nasehony azy ny tànany sy ny lanivoany. Dia faly ny mpianatra, raha nahita ny Tompo. **21** Ary hoy indray Jesosy taminy: Fiadanana ho anareo; tahaka ny nanirahan' ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa. **22** Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nanisy fofonaina, ka hoy Izy taminy; Raiso ny Fanahy Masìna; **23** na helok' iza na helok' iza no avelanareo, dia voavela izany; ary na an' iza na an' iza kosa no tsy avelanareo, dia tsy voavela izany. **24** Fa Tomasy, anankiray tamin' ny roa ambin' ny folo lahy, ilay atao hoe Didymo, dia tsy mba teo aminy raha tonga Jesosy. **25** Dia hoy ny mpianatra sasany taminy: Efa nahita ny Tompo izahay. Fa hoy kosa izy taminy: Raha tsy hitako eo amin' ny tànany ny holatry ny nohomboana, ka ataoko eo amin' ny holatry ny nohomboana ny rantsan-tanako, ary ataoko eo amin' ny lanivoany koa ny tanako, dia tsy mba hino aho. **26** Ary nony afaka havaloana, dia tafangona teo indray ny mpianany, ary teo koa Tomasy. Dia tonga Jesosy, rehefa voarindrina ny varavarana, ka nitsangana teo afovoany, dia nanao hoe: Fiadanana ho anareo. **27** Ary hoy Izy tamin' i Tomasy: Atehefo eto ny rantsan' tananao, ka jereo ny tanako; ary atehefo eto koa ny tananao, ka ataovy amin' ny lanivoako; ary aza ho isan' izay tsy mino, fa minoa. **28** Dia namaly Tomasy ka nanao taminy hoe: Tompoko sy Andriamanitro! **29** Hoy Jesosy taminy: Satria nahita Ahy ianao, dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino. **30** Ary nisy famantarana maro hafa koa nataon' i Jesosy teo imason' ny mpianatra, izay tsy voasoratra amin' ity boky ity; **31** fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak' Andriamanitra, ary mba hananareo fiainana amin' ny anarany, raha mino ianareo.

21 Rehefa afaka izany, dia niseho tamin' ny mpianatra indray Jesosy teo amoron' ny Ranomasin' i Tiberiasy; ary toy izao no nisehoany: **2** Niaraka Simona Petera sy Tomasy, izay atao hoe Didymo, sy Natanaela, ilay avy tany Kana any Galilia, sy ireo zanak' i Zebedio ary mpianatra roa lahy hafa koa. **3** Hoy Simona Petera taminy: Handeha hanarato aho. Hoy ireo taminy: Handeha hiaraka aminao koa izahay. Dia nandeha izy ka niditra an-tsambokely, ary tamin' iny alina iny dia tsy nahazo na inona na inona akory izy. **4** Ary nony efa nazava ratsy ny andro, dia nitsangana teo amoron-dranomasina Jesosy, kanefa tsy fantatry ny mpianatra ho Jesosy izany. **5** Dia hoy Jesosy taminy: Anaka, manan-kanina va ianareo? Dia namaly Azy hoe izy: Tsia. **6** Ary hoy Izy taminy: Alatsaho eo amin' ny sisiny ankavanan' ny sambokely ny haratonareo, dia hahazo ianareo. Koa dia nalatsany izany, ka tsy zakany nakarina noho ny habetsahan' ny hazandrano. **7** Ary hoy ny mpianatra izay tian' i Jesosy taminy: Ny

Tompo iry. Ary raha ren' i Simona Petera fa ny Tompo iny, dia nisikinany ny akanjo ivelany (fa tsy niakanjo izy), ka nirotsaka teo amin' ny ranomasina izy. **8** Fa ny mpianatra sasany nandeha an-tsambokely ihany nisarika ny harato feno hazandrano; fa tsy lavitra ny tany izy, fa tokony ho roan-jato hakiho ihany. **9** Raha vao nikatra teo an-tanety izy, dia nahita afon' arina teo sy hazandrano teo amboniny ary mofo. **10** Hoy Jesosy taminy: Analao hazandrano amin' ireo vao azonareo teo. **11** Dia niakatra Simona Petera, ka nosarihany ho eo an-tanety ny harato feno hazandrano vaventy, telo amby dimam-polo amby zato; ary na dia be tahaka izany aza izy, dia tsy triatra ny harato. **12** Hoy Jesosy taminy: Avia hisakafo. Fa tsy nisy mpianatra sahy nanontany Azy hoe: Iza moa Hianao? satria fantany ihany fa ny Tompo Izy. **13** Ary tonga Jesosy, dia nandray ny mofo, ka natolony azy, dia vao ny hazandrano indray. **14** Izany no fanintelon' ny nisehoan' i Jesosy tamin' ny mpianatra, rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy. **15** Ary rehefa nisakafo izy, dia hoy Jesosy tamin' i Simona Petera: Simona, zanak' i Jaona, moa ny fitiavanao Ahy mihoatra noho ny fitiavan' ireto? Hoy izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy: Fahano ary ny ondrikeliko. **16** Hoy indray Izy taminy fanindroany: Simona, zanak' i Jaona, moa tia Ahy va ianao? Dia hoy izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy: Andraso ary ny ondriko. **17** Hoy Izy fanintelony: Simona, zanak' i Jaona, moa tia Ahy va ianao? Dia nalahelo Petera, satria Izy nanao intelo taminy hoe: Moa tia Ahy va ianao? Ka hoy izy taminy: Tompoko, Hianao mahalala ny zavatra rehetra; fantatrao fa tia Anao aho. Hoy Jesosy taminy: Fahano ary ny ondriko. **18** Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha mbola tanora ianao, dia nisikina ka nandeha tamin' izay tianao; fa rehefa antitra kosa ianao, dia haninjitra ny tananao, ary olon-kafa no hanikina anao ka hitondra anao amin' izay tsy tianao. **19** Ary izany no nolazainy hanambara ny fomban' ny fahafatesana izay hankalazany an' Andriamanitra. Ary rehefa voalazany izany, dia hoy Izy taminy: Manaraha Ahy. **20** Dia nitodika Petera ka nahita ny mpianatra izay tian' i Jesosy manaraka, dia ilay niankina tamin' ny tratrany tamin' ny fisakafoana ka nanao hoe: Tompoko, iza no hamadika Anao? **21** Koa rehefa nahita azy Petera, dia hoy izy: Tompoko, inona no ho amin' ity lehilahy ity? **22** Hoy Jesosy taminy: Raha tiako hitoetra izy mandra-pihaviko, ahoanao izany? fa manaraha Ahy ianao. **23** Ary niely tamin' ny rahalahy izany teny izany, fa tsy ho faty izany mpianatra izany; nefa Jesosy tsy nilaza taminy fa tsy ho faty izy, fa: Raha tiako hitoetra izy mandra-pihaviko, ahoanao izany? **24** Izy no ilay mpianatra izay vavolombelona manambara izany sy nanoratra izany; ary fantatsika fa marina ny fanambarany. **25** Ary misy zavatra maro hafa koa izay nataon' i Jesosy, ka raha voasoratra tsirairay avokoa izany rehetra izany, ataoko fa izao tontolo izao aza dia tsy omby ny boky voasoratra.

Asan'ny Apostoly

1 Ry Teofilo, ilay boky voalohany dia nosoratako ny amin' izay nataon' i Jesosy sy nampianariny, **2** hatramin' ny andro nampiakarana Azy, rehefa nodidiany tamin' ny Fanahy Masìna ny Apostoly izay nofidiny, **3** sady niseho koa tamin' ny famantarana maro taorian' ny nijaliany fa velona Izy, ka niseho taminy efa-polo andro Izy ary nilaza ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **4** Ary raha niara-niangona teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala an' i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan' ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy; **5** fa Jaona nanao batisa tamin' ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin' ny Fanahy Masìna, rehefa afaka andro vitsivitsy. **6** Koa izay tafangona teo dia nanontany Azy hoe: Tompoko, amin' izao va no hampodianao ny fanjakana ho amin' ny Isiraely? **7** Fa hoy kosa Izy taminy: Tsy anareo ny hahalala ny andro na ny fotoana izay efa notendren' ny Ray amin' ny fahefany ihany. **8** Fa hahazo hery ianareo amin' ny hilatsahan' ny Fanahy Masìna aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran' i Jodia sy Samaria ary hatramin' ny faran' ny tany. **9** Ary rehefa nilaza izany Jesosy, dia nakarina Izy, raha mbola nijery izy ireo; ary nisy rahona nitondra Azy, ka tsy hitan' ny masony intsony Izy. **10** Ary raha mbola nandinika ny lanitra izy ireo tamin' ny nandehanan' i Jesosy, indreo, nisy roa lahy teo anilany niakanjo akanjo fotsy, **11** izay nanao hoe: Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra ianareo? iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra. **12** Ary izy ireo niverina tany Jerosalema, rehefa avy teo amin' ny tendrombohitra atao hoe Oliva, izay akaikin' i Jerosalema (araka izay mety haleha amin' ny Sabata). **13** Ary rehefa tafiditra izy, dia niakatra ho any an-trano ambony, izay fitoerany, — dia Petera sy Jaona sy Jakoba sy Andrea, Filipo sy Tomasy, Bartolomeo sy Matio, Jakoba zanak' i Alfeo, sy Simona Zelota ary Jodasy, zanak' i Jakoba. **14** Ireo rehetra ireo niray saina naharitra nivavaka mbamin' ny vehivavy sy Maria, renin' i Jesosy, ary ny rahalahiny. **15** Ary tamin' izany andro izany dia nitsangana teo afovoan' ny rahalahy Petera (tokony ho roa-polo amby zato no isan' ny olona vory teo) ka nanao hoe: **16** Ry rahalahy, tsy maintsy notanterahina ilay tenin' ny Soratra Masìna nampilazain' ny Fanahy Masìna rahateo an' i Davida ny amin' i Jodasy, izay tonga mpitarika ny olona nisambotra an' i Jesosy; **17** fa izy dia isantsika ihany ka nahazo anjara tamin' izao fanompoana izao koa. **18** Koa izany lehilahy izany dia nahazo saha tamin' ny tambin' ny fahotany; ary potraka niankohoka izy, dia vaky ny kibony ka nipoaka sady nivaroraka avokoa ny tsinainy. **19** Ary fantatr' izay rehetra monina eto Jerosalema izany, ka ny anaran' izany saha izany amin' ny fiteniny dia atao hoe Akeldama, izany hoe Sahan-drà. **20** Fa voasoratra eo amin' ny Bokin' ny Salamo hoe: Aoka ho lao ny fonenany, Ary aoka tsy hisy olona honina ao; ary koa: Aoka ho lasan' olon-kafa ny anjara-raharahany. **21** Koa amin' ireo lehilahy niaraka teto amintsika mandrakariva ireo, raha niditra sy nivoaka tamintsika Jesosy Tompo, **22** hatramin' ny batisan' i Jaona ka hatramin' ny andro nampiakarana Azy niala tamintsika, dia tokony hisy anankiray ho namantsika mba ho vavolombelon' ny nitsanganany. **23** Ary nanokana roa lahy izy, dia Josefa, atao hoe Barsabasy, izay atao hoe koa Josto, ary Matia. **24** Dia nivavaka izy ka nanao hoe: Hianao, Tompo ô, Izay mahalala ny fon' ny olona rehetra, asehoy izay nofidinao amin' izy roa lahy ireto, **25** mba hahazoany anjara amin' izao fanompoana sy ny mah' Apostoly izao, izay nialan' i Jodasy hankanesany any amin' ny fitoerany. **26** Dia nanao filokana ho azy izy, ka latsaka tamin' i Matia ny filokana; ary izy no lany ho isan' ny Apostoly iraika ambin' ny folo lahy.

2 Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin' ny fitoerana iray izy rehetra. **2** Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany. **3** Ary nisy lela maro mitarehin' afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin' izy rehetra isan-olona izany. **4** Ary samy feno ny Fanahy Masìna izy rehetra, ka dia niteny tamin' ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan' ny Fanahy Masìna azy. **5** Ary nisy Jiosy, mpivavaka tsara, nitoetra tany Jerosalema, avy tany amin' ny firenena samy hafa rehetra ambanin' ny lanitra. **6** Ary nony re izany feo izany, dia niangona ny olona maro ka very hevitra, fa samy nahare azy ireo niteny tamin' ny fiteniny avy izy rehetra. **7** Dia talanjona sady gaga izy rehetra ka nanao hoe: Indreo, tsy Galiliana va ireo rehetra miteny ireo? **8** Koa ahoana no andrenesantsika amin' ny fitenintsika avy izay nahabe antsika **9** — dia Partiana sy Mediana sy Elamita, ary mponina any Mesopotamia, sy Jodia sy Kapadokia sy Ponto sy Asia **10** sy Frygia sy Pamfylia, sy Egypta sy ny tany Libya izay manodidina an' i Kyrena, ary vahiny avy any Roma, na Jiosy na proselyta, **11** Kretana sy Arabo — koa ahoana no andrenesantsika ireo miteny amin' ny fitenintsika avy ny asa lehibe ataon' Andriamanitra? **12** Dia talanjona izy rehetra ka niahanahana sady niresaka hoe: Ahoana no tokony ho hevitr' izany? **13** Fa ny sasany nihomehy ka nanao hoe: Leon-divay mamy ireo. **14** Fa nitsangana Petera sy ny iraika ambin' ny folo lahy, dia nanandra-peo izy ka nanao taminy hoe: Ry lehilahy Jiosy sy izay rehetra monina eto Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, ka henoy ny teniko: **15** Tsy mamo araka ny hevitrareo tsy akory ireo, fa vao ora fahatelo ihany izao ny andro. **16** Fa izao ilay nampilazaina an' i Joela mpaminany hoe: **17** Ary amin' ny andro farany, hoy Andriamanitra, No handatsahako ny Fanahiko amin' ny nofo rehetra; Ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, Ary ny zatovonareo hahita fahitana, Ary ny lahiantitrareo hanonofy; **18** Ary ny mpanompoko, na lahy na vavy, Dia handatsahako ny Fanahiko amin' izany andro izany, Ka dia haminany izy; **19** Ary hanisy fahagagana eny amin' ny lanitra ambony Aho sy famantarana amin' ny tany ambany, Dia rà sy afo ary zavon' ny setroka; **20** Ny masoandro hampodina ho aizina, Ary ny volana ho rà, Alohan' ny hahatongavan' ny andron' i Jehovah, Dia ilay

sady lehibe no malaza; **21** Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran' i Jehovah dia hovonjena. **22** Ry lehilahy Isiraely, mihainoa izao teny izao: Jesosy avy any Nazareta, lehilahy nasehon' Andriamanitra teo aminareo tamin' ny asa lehibe sy ny fahagagana ary ny famantarana izay nampanaovin' Andriamanitra Azy teo aminareo, tahaka ny fantatrareo ihany, **23** Izy efa natolotra araka ny saina niniana sy ny fahalalan' Andriamanitra rahateo, dia nohomboanareo sy novonoinareo tamin' ny tanan' ny olona tsy tan-dalàna; **24** fa Andriamanitra nanangana Azy, rehefa nahafaka ny fanaintainan' ny fahafatesana, satria tsy laitr' izany hohazonina Izy. **25** Fa Davida milaza Azy hoe: Nijery an' i Jehovah teo anatrehako mandrakariva aho; Satria eo ankavanako Izy, mba tsy hangozohozo aho, **26** Dia izany no nifalian' ny foko sy niravoravoan' ny lelako; Ny nofoko koa hitoetra amin' ny fanantenana; **27** Fa tsy ho foinao ho any amin' ny fiainan-tsi-hita ny aiko; Ary tsy hamela ny Iray Masinao ho tratry ny lò Hianao; **(Hadēs g86)** **28** Nampahafantatra ahy ny lalan' aina Hianao; Hampifaly ahy indrindra amin' ny tavanao. **29** Ry rahalahy, aoka aho mba hilaza aminareo marimarina ny amin' i Davida patriarka, fa efa maty izy ka nalevina koa, ary ny fasany eto amintsika mandraka androany. **30** Ary satria mpaminany izy ka nahalala fa Andriamanitra efa nanao fianianana taminy fa izay hateraky ny kibony no hipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianany, **31** koa raha nahita rahateo izy, dia nilaza ny fitsanganan' i Kristy, fa tsy nafoy ho any amin' ny fiainan-tsi-hita Izy, ary ny nofony tsy tratry ny lò. **(Hadēs g86)** **32** Izany Jesosy izany dia efa natsangan' Andriamanitra, ary vavolombelon' izany izahay rehetra. **33** Ary rehefa nasandratry ny tanana ankavanan' Andriamanitra Izy, ary nandray tamin' ny Ray ny Fanahy Masìna Izay nokasainy, dia efa nampilatsaka izao hitanareo sy renareo izao Izy. **34** Fa tsy Davida no niakatra tany an-danitra; fa hoy izy: Jehovah nilaza tamin' ny Tompoko hoe: Mipetraha eo an-tanako ankavanana **35** Ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao. **36** Koa aoka ho fantatry ny taranak' isiraely rehetra marimarina fa iny Jesosy nohomboanareo tamin' ny hazo fijaliana iny dia efa nataon' Andriamanitra ho Tompo sy Kristy. **37** Ary raha nandre izany ny olona, dia voatsindrona tam-pony ka nanao tamin' i Petera sy ny Apostoly namany hoe: Ry rahalahy, inona no hataonay? **38** Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin' ny anaran' i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masìna; **39** fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an' izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin' i Jehovah Andriamanitsika hanatona Azy. **40** Ary nanambara sy nananatra azy tamin' ny teny maro hafa koa izy ka nanao hoe: Aoka hovonjena ho afaka amin' ity taranaka maditra ity ianareo. **41** Ary izay nandray tsara ny teniny dia natao batisa; ary tokony ho telo arivo no olona nanampy ho isany tamin' izany andro izany. **42** Ary izy ireo naharitra tamin' ny fampianaran' ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana. **43** Dia raiki-tahotra ny olona rehetra teo, ary fahagagana sy famantarana maro no nataon' ny Apostoly. **44** Ary izay rehetra nino dia niray toerana, sady niombonany avokoa ny fananany rehetra, **45** ary namidiny ny taniny sy ny fananany ka nozarainy tamin' izy rehetra araka izay nilainy avy. **46** Ary dia niray saina isan' andro izy ka nazoto nankeo an-kianjan' ny tempoly ary namaky mofo tao an-trano ka nihinan-kanina tamin' ny fifaliana sy ny fahatsaram-po, **47** nidera an' Andriamanitra sady nahita fitia tamin' ny vahoaka rehetra. Ary ny olom-bonjena dia nanampin' ny Tompo isan' andro ho isan' ireo.

3 Ary Petera sy Jaona niakatra ho eo an-kianjan' ny tempoly tamin' ny ora fahasivy fotoam-pivavahana. **2** Ary nisy nitondra lehilahy nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny, izay napetrany isan' andro teo anoloan' ny vavahadin' ny tempoly, ilay atao hoe Itsaraendrika, mba hangataka fiantrana amin' izay niditra teo an-kianjan' ny tempoly; **3** nony nahita an' i Petera sy Jaona efa niditra eo an-kianjan' ny tempoly izy, dia nangataka mba homena fiantrana. **4** Ary Petera sy Jaona nibanjina azy ka nanao hoe: Mijere anay. **5** Dia nibanjina azy roa lahy tsara izy, fa nanantena hahazo zavatra taminy. **6** Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao: Amin' ny anaran' i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangàna. **7** Ary noraisiny tamin' ny tànany ankavanana ralehilahy ka natsangany; dia natanjaka niaraka tamin' izay ny tongony sy ny kitrokeliny. **8** Ary niantsambotra izy ka nijoro, dia nitsangantsangana ary niara-niditra taminy ho eo an-kianjan' ny tempoly, nitsangantsangana ny niantsambotsambotra sady nidera an' Andriamanitra. **9** Ary ny vahoaka rehetra nahita azy mitsangantsangana sy midera an' Andriamanitra. **10** Ary fantany tsara fa io no ilay nipetraka teo amin' ny vavahady Itsaraendrika eo amin' ny tempoly mba hiantrana; dia gaga sady talanjona ny olona noho izay tonga tamin-dralehilahy. **11** Ary raha nihazona an' i Petera sy Jaona izy, dia niara-nirohitra ny olona rehetra ho eo amin' izy telo lahy teo amin' ny fialofana izay atao hoe Fialofan' i Solomona, ka talanjona. **12** Ary Petera, nony nahita, dia namaly ny vahoaka hoe: Ry lehilahy Isiraely, nahoana no talanjona amin' izany ianareo? Ary nahoana no mandinika anay ianareo, toa herinay na fahamasinanay no nanaovanay azy ho afa-mandeha? **13** Andriamanitr' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, Andriamanitry ny razantsika, no nanome voninahitra an' i Jesosy Mpanompony, Izay natolotrareo sy nolavinareo teo anatrehan' i Pilato, rehefa nokasainy halefa. **14** Fa ianareo nandà Ilay Masìna sy Marina, ary mpamono olona no nangatahinareo halefa ho anareo; **15** fa ny Tompon' ny aina kosa no novonoinareo; fa Izy natsangan' Andriamanitra tamin' ny maty, ary vavolombelon' izany izahay. **16** Ary ny anarany no nampahatanjaka io lehilahy hitanareo sy fantatrareo io noho ny finoana ny anarany; eny, ny finoana izay azo amin' ny alalany no nahazoany izao fahasitranana tsara eto imasonareo rehetra izao. **17** Ary ankehitriny, ry rahalahy, fantatro fa tamin' ny tsi-fahalalana no nanaovanareo izany, tahaka ny mpanapaka anareo koa. **18** Fa izany no nahatanterahan' Andriamanitra ny zavatra nampilazainy ny mpaminany

rehetra rahateo, fa hiaretan' ny Kristiny. **19** Koa mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin' ny fanatrehan' ny Tompo, **20** ary mba hanirahany ny Kristy voatendry ho anareo, dia Jesosy, **21** Ilay tsy maintsy horaisin' ny lanitra mandra-pihavin' ny andro fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampilazain' Andriamanitra ny mpaminaniny masìna hatramin' ny voalohany indrindra. **(aiōn g165)** **22** Fa Mosesy nilaza hoe: Mpaminany no hatsangan' i Jehovah Andriamanitra ho anareo avy amin' ny rahalahinareo, tahaka ahy; izy no hohenoinareo amin' izay rehetra holazainy aminareo. **23** Ary izay rehetra tsy hihaino izany mpaminany izany dia haringana tsy ho eo amin' ny olona. **24** Ary ny mpaminany rehetra koa hatramin' i Samoela sy izay nanarakaraka, na iza na iza niteny, dia nanambara izao andro izao. **25** Hianareo no zanaky ny mpaminany sy ny fanekena nataon' Andriamanitra tamin' ny razanareo, raha hoy Izy tamin' i Abrahama: Ary amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany. **26** Andriamanitra, rehefa nanangana ny Mpanompony, dia naniraka Azy ho aminareo voalohany, mitahy anareo amin' ny fialanareo rehetra amin' ny faharatsianareo isam-batan' olona.

4 Ary raha mbola niteny tamin' ny vahoaka izy, dia, indreo, tonga teo aminy ny mpisorona sy ny lehiben' ny mpiambina ny tempoly ary ny Sadoseo; **2** fa sosotra izy noho ny nampianaran' ny Apostoly ny vahoaka sy ny nitoriany tamin' ny alalan' i Jesosy ny fitsanganana amin' ny maty. **3** Dia nisambotra azy izy ka nanao azy tao an-tranomaizina ambara-pahamarain' ny andro; fa efa hariva ny andro tamin' izay. **4** Kanefa maro tamin' izay nandre ny teny no nino, ka dia tonga tokony ho dimy arivo no isan' ny lehilahy. **5** Ary nony maraina ny andro, dia niangona tany Jerosalema ny mpanapaka sy ny loholona sy ny mpanora-dalàna **6** sy Anasy mpisoronabe sy Kaiafa sy Jaona sy Aleksandro mbamin' izay rehetra mety ho havan' ny mpisoronabe. **7** Ary rehefa nataony teo ampovoany izy roa lahy, dia nanontaniany hoe: Fahefana manao ahoana, na anarana manao ahoana, no nanaovanareo izany? **8** Ary Petera, feno ny Fanahy Masìna, dia nanao taminy hoe: Ry mpanapaka ny vahoaka sy loholona, **9** raha adinina izahay anin' ny amin' ny asa tsara natao tamin' ny nahasitranana ilay lehilahy malemy, **10** dia aoka ho fantatrareo rehetra sy ny olona Isiraely rehetra fa ny anaran' i Jesosy Kristy avy any Nazareta, Izay nohomboanareo tamin' ny hazo fijaliana, fa natsangan' Andriamanitra tamin' ny maty kosa, dia Izy no itsanganan' io lehilahy io finaritra eto imasonareo. **11** Ity no vato izay nolavinareo mpanao trano, nefa tonga fehizoro. **12** Ary tsy misy famonjena amin' ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena. **13** Ary nony nahita ny fahasahisahian' i Petera sy Jaona izy, sady nahalala fa tsy mba mpahay lalàna na nampianarina izy roa lahy, dia gaga izy; ary fantany tsara fa efa niaraka tamin' i Jesosy izy roa lahy. **14** Ary nony nijery ny lehilahy izay efa sitrana nitsangana teo aminy izy, dia tsy hitany izay havaliny. **15** Ary rehefa nasainy niala teo amin' ny Synedriona izy roa lahy, dia niara-nisaina izy **16** ka nanao hoe: Hataontsika ahoana ireo lehilahy ireo? fa efa nanao famantarana malaza tokoa izy, ary fantatry ny mponina rehetra eto Jerosalema izany, ka tsy azontsika lavina. **17** Fa mba tsy hielezan' izany intsony amin' ny vahoaka, dia aoka horahonantsika izy mba tsy hiteny amin' izany anarana izany intsony na amin' iza na amin' iza. **18** Ary niantso azy izy ka nandrara azy tsy hiteny na hampianatra amin' ny anaran' i Jesosy intsony. **19** Fa Petera sy Jaona kosa namaly azy ka nanao hoe: Tsaraonareo na marina eo imason' Andriamanitra, na tsia, ny hanaiky anareo mihoatra noho Andriamanitra. **20** Fa izahay tsy maintsy milaza izay zavatra efa hitanay sy renay. **21** Ary rehefa norahonany indray izy, dia nalefany; fa tsy hitany izay hampijaliany azy noho ny tahony ny vahoaka; satria izy rehetra nankalaza an' Andriamanitra noho ny amin' ny zavatra efa natao. **22** Fa efa tsy omby efa-polo taona ralehilahy izay nanaovana izany famantarana nahasitrana azy izany. **23** Ary rehefa nalefa izy roa lahy, dia tonga teo amin' ny namany ka nanambara izay rehetra nolazain' ny lohan' ny mpisorona sy ny loholona taminy. **24** Fa rehefa nandre izany izy ireo, dia niara-nanandratra ny feony ho amin' Andriamanitra ka nanao hoe: Tompo ô, Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany ary ny ranomasina mbamin' izay rehetra ao anatiny, **25** ary ny Fanahy Masìna no nampitenenanao an' i Davida razanay sady mpanomponao hoe: Nahoana no mitabataba ny jentilisa, Ary misaina anoano foana ny firenena? **26** Ireo mpanjakan' ny tany nitsangana, Ary ny mpanapaka niangona Hanohitra an' i Jehovah sy ny Mesiany. **27** Fa efa niangona marina tokoa teto amin' ity tanàna ity Heroda sy Pontio Pilato mbamin' ny jentilisa sy ny olona Isiraely hanohitra ny Mpanomponao Masìna, dia Jesosy Izay nohosoranao, **28** mba hanao izay notendren' ny tananao aman-tsainao rahateo hatao. **29** Koa ankehitriny, Tompo ô, jereo ny fandrahonany; ary omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin' ny fahasahiana rehetra, **30** omban' ny aninjiranao ny tananao hahasitrana sy ny anaovana famantarana sy fahagagana amin' ny anaran' i Jesosy, Mpanomponao Masìna. **31** Ary rehefa nivavaka izy, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masìna izy rehetra ka nitory ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahasahiana. **32** Ary niray fo sy fanahy ny olona rehetra izay nino; ary tsy nisy nanonona ny fananany ho azy na dia iray aza, fa niombonany avokoa ny zavatra rehetra nananany. **33** Ary tamin' ny hery be no nanambaran' ny Apostoly ny nitsanganan' i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin' izy rehetra. **34** Fa tsy nisy olona nalahelo teo aminy; fa izay nanana tany na trano, raha nivarotra izany, dia nitondra ny vola vidin' ny zavatra lafo, **35** ka napetrany teo anoloan' ny tongotry ny Apostoly, dia nozaraina tamin' izy rehetra araka izay nilainy avy **36** Ary Josefa, izay nataon' ny Apostoly hoe koa Barnabasy (izany hoe, raha adika, Zanaky ny fananarana), Levita, avy any Kyprosy no firazanany, **37** dia nivarotra ny sahany, ary nentiny ny vola vidiny ka napetrany teo anoloan' ny tongotry ny Apostoly.

5 Fa nisy kosa lehilahy atao hoe Ananiasy sy Safira
vadiny nivarotra tany, **2** ka nanafenany ho azy ny vola
vidiny, ary ny vavy koa nahalala izany; dia nentiny ny vola
sasany vidiny ka napetrany teo anoloan' ny tongotry ny
Apostoly. **3** Ary hoy Petera: Ry Ananiasy, nahoana Satana
no nameno ny fonao handainga amin' ny Fanahy Masìna
ka hanafina ny vola sasany vidin' ny tany? **4** Fony tsy
namidy, tsy anao ihany va izy? Ary rehefa namidy, tsy
anao hanaovanao izay sitraponao koa va? Nahoana no
nisaina izany tao am-ponao ianao? Tsy nandainga tamin'
olona ianao, fa tamin' Andriamanitra. **5** Ary Ananiasy, nony
nandre izany teny izany, dia nikarapoka, ka afaka ny ainy;
dia raiki-tahotra loatra izay rehetra nandre izany. **6** Ary
nitsangana ny zatovo, dia nofonosiny ny faty ka nentiny
nivoaka, dia naleviny. **7** Fa rehefa afaka tokony ho ora
telo, dia niditra koa ny vavy, nefa tsy fantany izay efa
nanjo teo. **8** Ary hoy Petera taminy: Lazao amiko: Izany
ihany va no vola vidin' ny taninareo? Dia hoy izy: Eny,
izany ihany. **9** Ary hoy Petera taminy: Nahoana ianareo
no niray tetika haka fanahy ny Fanahin' ny Tompo? Indro,
eo am-baravarana ny tongotr' izay nandevina ny vadinao,
ary hitondra anao hivoaka koa izy. **10** Dia nikarapoka teo
anoloan' ny tongony niaraka tamin' izay koa izy, ka afaka
ny ainy; ary raha niditra ny zatovo, dia hitany fa maty,
ary nentiny nivoaka ka naleviny teo anilan' ny lahy. **11**
Dia raiki-tahotra indrindra ny fiangonana rehetra sy izay
rehetra nandre izany. **12** Ary ny tanan' ny Apostoly no
nanaovana famantarana sy fahagagana maro teo amin' ny
vahoaka; ary izy rehetra niray saina teo amin' ny Fialofan'
i Solomona; **13** ary tsy nisy tamin' ny olona sisa rehetra
sahy niray taminy; nefa nankalaza azy ny vahoaka. **14**
Ary vao mainka nisy olona maro koa na lahy na vavy izay
nino ny Tompo nanampy ho isany; **15** ka dia nentiny teny
an-dalambe aza ny marary ka napetrany teny ambony
farafara sy fandriana, mba hisy ho azon' ny tandindon'
i Petera ahay, raha mandalo izy. **16** Ary ny olona maro
avy tamin' ny vohitra manodidina an' i Jerosalema dia
nivory koa, nitondra ny marary sy izay nampahorin' ny
fanahy maloto; dia sitrana avokoa izy rehetra. **17** Ary
nitsangana ny mpisoronabe mbamin' ny namany rehetra
(izay antokon' ny Sadoseo), fa feno fialonana izy, **18**
dia nisambotra ny Apostoly izy ka nanao azy tao an-
tranomaizina. **19** Fa nisy anjelin' ny Tompo namoha ny
varavaran' ny tranomaizina nony alina, dia nitondra azy
nivoaka ka nanao hoe: **20** Mandehana, ka mitsangàna,
ary mitoria amin' ny vahoaka eo an-kianjan' ny tempoly
ny teny rehetra milaza izany fiainana izany. **21** Ary rehefa
nandre izany izy, dia niditra maraina koa teo an-kianjan' ny
tempoly ka nampianatra. Ary rehefa tonga ny mpisoronabe
sy ny namany, dia nampiangona ny Synedriona sy ny
loholona rehetra tamin' ny Zanak' isiraely izy ka naniraka
nankao amin' ny tranomaizina haka ny Apostoly. **22** Fa
nony tonga ny mpiandry raharaha, dia tsy nahita azy tao
an-tranomaizina; dia niverina izy ka nilaza hoe: **23** Ny
tranomaizina dia hitanay mihidy tsara, ary ny mpiambina
mitsangana eo am-baravarana; kanefa nony novohanay, dia
tsy nahita olona tao izahay. **24** Ary ny lehiben' ny mpiambina
ny tempoly sy ny lohan' ny mpisorona, rehefa nandre izany
teny izany, dia niroahana ny amin' izay ho faran' izany.
25 Dia nisy tonga ka nilaza taminy hoe: Ireny lehilahy
izay nataonareo tao an-tranomaizina ireny, dia indreo izy
mitsangana eo an-kianjan' ny tempoly ka mampianatra
ny olona. **26** Dia lasa ny lehiben' ny mpiambina sy ny
mpiandry raharaha ka nitondra azy, nefa tsy nanao mahery,
satria natahotra ny vahoaka izy, fandrao hotorahany vato.
27 Ary rehefa nentiny, dia napetrany teo anatrehan' ny
Synedriona ireo, ary ny mpisoronabe nanontany azy **28**
ka nanao hoe: Efa noraranay mafy dia mafy ianareo tsy
hampianatra amin' izany anarana izany; kanjo, indro, efa
nofenoinareo ny fampianaranareo Jerosalema, ka tianareo
hankinina aminay ny ran' izany Lehilahy izany. **29** Fa Petera
sy ny Apostoly namaly ka nanao hoe: Andriamanitra no
tokony hekena mihoatra noho ny olona. **30** Andriamanitry
ny razantsika efa nanangana an' i Jesosy, Izay novonoin'
ny tananareo nahantonareo teo amin' ny hazo. **31** Izy
nasandratry ny tanana ankavanan' Andriamanitra ho Tompo
sy Mpamonjy, hanome fibebahana sy famelan-keloka ho
an' ny Isiraely. **32** Ary izahay dia vavolombelon' izany
zavatra izany, ary ny Fanahy Masìna koa, Izay efa nomen'
Andriamanitra ny manaiky Azy. **33** Ary raha nandre izany
izy, dia lotika ny fony, ka nihendry hamono azy izy. **34** Dia
nitsangana teo amin' ny Synedriona ny Fariseo anankiray
atao hoe Gamaliela, mpampiana-dalàna, izay nalaza teo
amin' ny olona rehetra, ary nasainy navoaka kely ireo
olona ireo. **35** Dia hoy izy tamin' ny namany: Ry lehilahy
Isiraely, tandremo tsara izay hataonareo amin' ireo olona
ireo. **36** Fa nitsangana fahiny Teodasy ka nanao ny tenany
ho zavatra; tokony ho efa-jato no isan' ny lehilahy izay
niandany taminy; fa novonoina izy ka nihahaka izay rehetra
nanaiky azy ka tonga tsinontsinona. **37** Ary nanarakaraka
azy indray, tamin' ny andro nanoratana ny vahoaka, dia
nitsangana Jodasy avy any Galilia; ary izy nitaona olona
hikomy hanaraka azy; dia novonoina koa izy, ka nihahaka
izay rehetra nanaiky azy. **38** Ary ankehitriny dia lazaiko
aminareo: Mandefera amin' ireo olona ireo, ka avelao ihany
izy; fa raha avy amin' olona izao saina na asa izao, dia ho
foana; **39** fa raha avy amin' Andriamanitra kosa izao, dia
tsy ho azonareo foanana, sao dia miseho ho mpiady amin'
Andriamanitra ianareo. **40** Dia nanaiky azy izy; ary rehefa
niantso ny Apostoly izy, dia nikapoka azy sady nandrara
azy tsy hiteny amin' ny anaran' i Jesosy intsony, ary dia
nandefa azy handeha. **41** Ary ireo dia niala teo anatrehan'
ny Synedriona, sady faly, satria natao miendrika hitondra
fahafaham-baraka ho voninahitr' izany anarana izany. **42**
Ary tsy nitsahatra nampianatra sy nitory an' i Jesosy ho
Kristy isan' andro teo an-kianjan' ny tempoly sy tao an-
trano izy.

6 Ary tamin' izany andro izany, rehefa nihamaro ny isan'
ny mpianatra, dia nimonomonona tamin' ny Hebreo ny
Helenista, satria tsy mba enina tamin' ny fiantrana isan'
andro ny mpitondratenany. **2** Ary ny roa ambin' ny folo
lahy nampiangona ny mpianatra rehetra ka nanao hoe:
Tsy mety raha mandao ny tenin' Andriamanitra hitandrina

latabatra izahay. **3** Koa amin' izany, ry rahalahy, mizahà fito lahy eo aminareo, izay tsara laza sady feno ny Fanahy sy fahendrena, mba hotendrenay hitandrina izany raharaha izany. **4** Fa izahay kosa haharitra amin' ny fivavahana sy ny fampianarana. **5** Dia sitraky ny olona rehetra ny teniny, ka nifidy an' i Stefana izy, lehilahy feno finoana sy ny Fanahy Masìna, ary Filipo sy Prokoro sy Nikanora sy Timona sy Parmena ary Nikoleo (proselyta avy any Antiokia), **6** ireo dia narosony teo anatrehan' ny Apostoly; ary rehefa nivavaka ny Apostoly, dia nametra-tanana taminy. **7** Dia nandroso ny tenin' Andriamanitra; ary nihamaro indrindra ny isan' ny mpianatra tany Jerosalema; ary maro be kosa ny mpisorona nanaiky ny finoana. **8** Ary Stefana, feno fahasoavana sy hery, dia nanao fahagagana sy famantarana lehibe teo amin' ny vahoaka. **9** Fa ny sasany, izay avy amin' ny synagoga atao hoe Synagogan' ny Libertina sy ny Kyreniana sy ny Aleksandriana mbamin' izay avy any Kilikia sy Asia, dia nitsangana ka niady hevitra tamin' i Stefana. **10** Fa tsy nahatohitra ny fahendrena sy ny Fanahy izay nitenenany ireo; **11** dia nisy olona nomeny vava hanao hoe: Efa renay niteny ratsy an' i Mosesy sy Andriamanitra ity. **12** Ary nampitaitra ny olona sy ny loholona ary ny mpanoradalàna izy, dia nankeo amin' i Stefana ka nisarika azy, dia nitondra azy ho eo amin' ny Synedriona; **13** ary izy nanangana vavolombelona mandainga, izay nanao hoe: Io lehilahy io tsy mitsahatra miteny ratsy ity fitoerana masìna ity sy ny lalàna; **14** Fa efa renay izy nilaza fa ilay Jesosy avy any Nazareta dia handrava ity fitoerana ity sy hanova ny fomba izay natolotr' i Mosesy antsika. **15** Ary izay rehetra nipetraka teo amin' ny Synedriona, raha nandinika an' i Stefana, dia nahita ny tarehiny tahaka ny tarehin' anjely.

7 Ary hoy ny mpisoronabe: Moa izany tokoa va? **2** fa hoy Stefana: Mihainoa, ry rahalahy sy ianareo ray: Andriamanitry ny voninahitra niseho tamin' i Abrahama razantsika, raha tany Mesopotamia izy, fony tsy mbola nonina tany Harana, **3** ka nanao taminy hoe: Mialà amin' ny taninao sy ny havanao, ka andeha ho any amin' ny tany izay hasehoko anao. **4** Dia niala tamin' ny tanin' ny Kaldeana izy ka nonina tany Harana; ary rehefa maty ny rainy, dia nafindran' Andriamanitra niala teo izy hankany amin' ny tany izay onenanareo ankehitriny. **5** Ary tsy nomeny lova teto izy, na dia eram-paladia akory aza; kanefa nampanantenainy izy fa homeny azy sy ny taranany mandimby azy ho lovany izany, na dia tsy mbola nanan-janaka akory aza izy. **6** Ary nolazain' Andriamanitra fa ny taranany hivahiny any amin' ny tanin' ny firenena hafa ary handevoziny sy hampahoriny efa-jato taona. **7** Nefa ny firenena izay hotompoiny dia hotsaraiko kosa, hoy Andriamanitra; ary rehefa afaka izany, dia hivoaka izy ka hanompo Ahy eto amin' ity tany ity. **8** Ary nomeny fanekena amin' ny famorana izy. Ary dia niteraka an' isaka izy ka namora azy tamin' ny andro fahavalo; ary Isaka niteraka an' i Jakoba, ary Jakoba niteraka ny patriarka roa ambin' ny folo lahy. **9** Ary nialona an' i Josefa ny patriarka ka nivarotra azy ho any Egypta; nefa Andriamanitra nomba azy **10** ka nahafaka azy tamin' ny fahoriany rehetra sady nanome azy fahasoavana sy fahendrena teo imason' i Farao, mpanjakan' i Egypta; ary izy nanendry azy ho mpanapaka any Egypta mbamin' izay rehetra tao an-dapany. **11** Ary nisy mosary eran' i Egypta sy Kanana rehetra, ka mafy ny fahoriana; ary tsy nahita hanina ny razantsika. **12** Fa nony nandre Jakoba fa nisy vary tany Egypta, dia naniraka ny razantsika izy tamin' ny voalohany. **13** Ary tamin' ny fanindroany dia fantatr' izy mirahalahy avy Josefa, ary dia fantatr' i Farao koa ny havan' i Josefa. **14** Ary Josefa naniraka ka nampaka an' i Jakoba rainy mbamin' ny mpianakaviny rehetra, dia olona dimy amby fito-polo izy. **15** Ary Jakoba nidina nankany Egypta, dia maty izy sy ny razantsika; **16** ary nentina ho any Sekema izy ka nalevina tao amin' ny fasana izay novidin' i Abrahama vola tamin' ny zanak' i Hamora tany Sekema. **17** Fa rehefa ho tonga ny fotoana hahatanterahana ny teny fikasana, izay nataon' Andriamanitra tamin' i Abrahama, dia nitombo sy nihamaro ny olona tany Egypta, **18** mandra-pitsangan' ny mpanjaka hafa tany Egypta, izay tsy nahalala an' i Josefa. **19** Ary izy nanao hafetsena tamin' ny razantsika, dia nampahory azy, ka dia samy nanary ny zanany vao teraka mba tsy ho velona izy. **20** Tamin' izany andro izany no nahaterahan' i Mosesy, ary tsara teo anatrehan' Andriamanitra izy ka notezaina telo volana tao an-tranon' ny rainy. **21** Fa rehefa nariana izy, dia nalain' ny zanakavavin' i Farao ka notezainy ho zanany. **22** Ary Mosesy nampianarina ny fahendrena rehetra nananan' ny Egyptiana, ary nahery tamin' ny teniny sy ny asany izy. **23** Ary rehefa ho efa-polo taona izy, dia velona tao am-pony ny hamangy ny Zanak' isiraely, rahalahiny **24** Ary raha nahita ny anankiray nampahorina maina izy, dia namaly ka namono ilay Egyptiana ary namonjy ilay nampahorina. **25** Ary nataony fa ho fantatry ny rahalahiny fa ny tànany no hamonjen' Andriamanitra azy; kanjo tsy fantany. **26** Ary nony ampitson' iny dia niseho tamin' ireo izay niady Mosesy ary nanao izay hampihavana azy ka nanao hoe: Raondriana, mirahalahy ianareo, koa nahoana ianareo no miady? **27** Fa ilay namely maina ny namany dia nanosika azy ka nanao hoe: Iza no nanendry an' ialahy ho mpanapaka sy mpitsara anay? **28** Moa ta-hamono ahy koa va ialahy tahaka ny namonoan' ialahy ilay Egyptiana omaly? **29** Ary tamin' izany teny izany dia nandositra Mosesy ka nivahiny tany amin' ny tany Midiana, ary tany no niterahany zanaka roa lahy. **30** Ary rehefa afaka efa-polo taona, dia nisy anjely niseho taminy tany an-efitry ny tendrombohitra Sinay teo anaty lelafo teo amin' ny voaroy. **31** Ary Mosesy, nony nahita, dia gaga noho ny fahitana; nefa nony nanatona handinika izy, dia tonga ny feon' ny Tompo nanao hoe: **32** Izaho no Andriamanitry ny razanao, dia Andriamanitr' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba. Dia torakovitra Mosesy ka tsy sahy nandinika. **33** Ary hoy Jehovah taminy: Esory ny kapa amin' ny tongotrao; fa masìna io tany ijanonanao io. **34** Hitako tokoa ny fahorian' ny oloko any Egypta, ary reko ny fitarainany, dia nidina hamonjy azy Aho. Koa andeha ankehitriny, dia hirahiko ho any Egypta ianao. **35** Izany Mosesy izany dia nolaviny ka nataony hoe: Iza no nanendry an' ialahy ho mpanapaka sy mpitsara? kanjo izy ihany no nirahin' Andriamanitra ho mpanapaka sy mpanavotra nomban' ny tanan' ny Anjely, Ilay niseho taminy

teo amin' ny voaroy. **36** Izy no nitondra ny olona nivoaka sady nanao fahagagana sy famantarana tany Egypta sy teo amin' ny Ranomasina Mena ary tany an-efitra efa-polo taona. **37** Izany no Mosesy izay nilaza tamin' ny Zanak' isiraely hoe: Mpaminany no hatsangan' Andriamanitra ho anareo avy amin' ny rahalahinareo, tahaka ahy. **38** Izy ilay teo amin' ny fiangonana tany an-efitra mbamin' ny Anjely izay niteny taminy tany an-tendrombohitra Sinay sy tamin' ny razantsika, ka izy no nandray teny velona mba homeny antsika. **39** Nefa ny razantsika tsy nety nanaiky azy, fa nandà, dia manina an' i Egypta ny fony, **40** ka hoy izy tamin' i Arona: Anaovy andriamanitra izahay, hitarika antsika eo aloha; fa ilay Mosesy iny, izay nitondra antsika nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta, dia tsy fantatray izay nanjo azy. **41** Ary dia nanao ombilahy kely izy tamin' izany andro izany, dia nanatitra fanatitra tamin' ny sampy ka niravoravo tamin' ny asan' ny tànany. **42** Fa Andriamanitra nihodina, dia nanolotra azy hanompo izay eny amin' ny lanitra; araka ny voasoratra eo amin' ny bokin' ny mpaminany hoe: Moa nanatitra zavatra voavono sy fanatitra ho Ahy efa-polo taona tany an-efitra va ianareo, ry taranak' isiraely? **43** Tsia, fa nobetainareo ny tranolain' i Moloka sy ny kintan' ny andriamanitra atao hoe Refana, Dia ny endri-javatra izay nataonareo hivavahana, Ka dia hamindra anareo ho any ankoatr' i Babylona Aho. **44** Ny trano-lain' ny Vavolombelona dia teo amin' ny razantsika tany an-efitra, tahaka ny voatendrin' izay niteny tamin' i Mosesy mba hanaovany azy araka ny endrika izay efa hitany. **45** Izany koa dia noraisin' ny razantsika izay nandimby ireo, ka nentiny niditra niaraka tamin' i Josoa tamin' ny nahazoany ny tanin' ny firenena izay noroahin' Andriamanitra hiala teo anoloan' ny razantsika hatramin' ny andron' i Davida; **46** izy nahita fitia anatrehan' Andriamanitra ka nangataka hahita trano ho an' Andriamanitr' i Jakoba. **47** Fa Solomona kosa no nanao trano ho Azy. **48** Kanefa ny Avo Indrindra tsy mitoetra ao amin' izay nataon-tànan' olona; araka ny nolazain' ny mpaminany hoe: **49** Ny lanitra no seza fiandrianako, Ary ny tany no fitoeran-tongotro; Koa trano manao ahoana no hataonareo ho Ahy? hoy Jehovah, Ary manao ahoana no ho fitoerana fitsaharako? **50** Tsy ny tanako va no nanao izao zavatra rehetra izao? **51** Ry olona mafy hatoka sady tsy voafora fo sy sofina, ianareo manohitra ny Fanahy Masìna mandrakariva; tahaka ny nataon' ny razanareo ihany no ataonareo koa. **52** Iza no mpaminany izay tsy nenjehin' ny razanareo? Eny, novonoiny aza izay naminany ny fihavian' ilay Marina; ary ankehitriny dia efa tonga mpamadika sy mpamono Azy ianareo, **53** dia olona izay nahazo ny lalàna tamin' ny nandaharan' anjely azy, nefa tsy nankato izany. **54** Ary nony nandre izany izy ireo, dia lotika ny fony, ka nihidy vazana taminy izy. **55** Fa Stefana, feno ny Fanahy Masìna, dia nibanjina ny lanitra ka nahita ny voninahitr' Andriamanitra sy Jesosy nitsangana teo ankavanan' Andriamanitra, **56** dia nanao hoe: Indro, hitako ny lanitra misokatra ary ny Zanak' olona mitsangana eo ankavanan' Andriamanitra. **57** Ary ny olona niantso tamin' ny feo mahery sady nanentsin-tadiny ka indray nirodona taminy, **58** dia nandroaka azy ho eny ivelan' ny tanàna ka nitora-bato azy; ary ireo vavolombelona dia nametraka ny fitafiany teo anilan' ny tongotry ny zatovo anankiray atao hoe Saoly. **59** Ary ny olona nitora-bato an' i Stefana, izay niantso hoe: Ry Jesosy Tompo ô, raiso ny fanahiko. **60** Dia nandohalika izy ka niantso tamin' ny feo mahery hoe Tompo ô, aza atao ho helony anie izao ota izao. Ary rehefa nilaza izany izy, dia nodi-mandry.

8 Ary Saoly mba nankasitraka ny namonoana azy koa. Ary tamin' izany andro izany dia nisy fanenjehana mafy tamin' ny fiangonana tany Jerosalema; ka dia niely teny amin' ny tany Jodia sy Samaria izy rehetra, afa-tsy ny Apostoly ihany. **2** Ary mpivavaka tsara no nandevina an' i Stefana sady nisaona azy fatratra. **3** Fa Saoly nampahory mafy ny fiangonana, ka nidirany isan-trano sady nosarihany, na ny lehilahy na ny vehivavy, ka nataony tao an-tranomaizina. **4** Ary izay niely dia nandeha nitory teny tontolo eny. **5** Ary Filipo nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an' i Kristy tamin' ny olona tao. **6** Ary ny vahoaka betsaka dia niray hevitra nihaino izay nolazain' i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony. **7** Fa ny fanahy maloto niantso tamin' ny feo mahery, dia nivoaka tamin' ny maro izay nanana azy; ary maro ny mararin' ny paralysisa sy ny mandringa no nositraniny. **8** Dia nisy fifaliana lehibe tao amin' izany tanàna izany. **9** Ary nisy lehilahy anankiray rahateo teo an-tanàna, atao hoe Simona, izay nanao ody ka nahatalanjona ny olona tany Samaria sady nandoka tena nanao azy ho zavatra; **10** ary nihaino azy ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, ka nanao hoe: Ity lehilahy ity no herin' Andriamanitra, izay atao hoe hery lehibe. **11** Ary nihaino azy ny olona, satria efa ela no talanjona tamin' ny odiny. **12** Ary rehefa nino an' i Filipo nitory ny teny soa mahafaly ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra sy ny anaran' i Jesosy Kristy ireo, dia natao batisa avokoa na lahy na vavy. **13** Ary Simona koa mba nino; ary rehefa natao batisa izy, dia nanaraka an' i Filipo. Ary talanjona izy, raha nahita ny famantarana sy ny asa lehibe izay natao. **14** Ary nony ren' ny Apostoly tany Jerosalema fa Samaria efa nandray ny tenin' Andriamanitra, dia naniraka an' i Petera sy Jaona izy hankany aminy. **15** Nony tafidina tany izy roa lahy, dia nivavaka ho an' ny olona mba handraisany ny Fanahy Masìna. **16** Fa tsy mbola nisy nilatsahany izy na dia iray akory aza; fa natao batisa tamin' ny anaran' i Jesosy Tompo ihany izy. **17** Ary izy roa lahy nametra-tanana taminy, ka dia nandray ny Fanahy Masìna ireo. **18** Ary Simona, nony nahita fa ny fametrahan' ny Apostoly tanana no nanomezana ny Fanahy Masìna, dia nitondra vola homena azy **19** ka nanao hoe: Omeo izany fahefana izany koa aho, mba handray ny Fanahy Masìna izay olona hametrahako tanana. **20** Fa hoy Petera taminy: Aoka ho very mbamin' ny tenanao ny volanao, satria nataonao fa azo vidim-bola ny fanomezan' Andriamanitra. **21** Tsy manana anjara na raharaha amin' izany zavatra izany ianao, satria tsy mahitsy fo eo anatrehan' Andriamanitra. **22** Koa mibebaha amin' izao haratsianao izao, ka mangataha amin' ny Tompo, andrao mba havelany izay noheverin' ny fonao. **23** Fa hitako fa mbola mitoetra amin' ny fangidian'

afero sy ny fehin-keloka ihany ianao. **24** Ary Simona namaly ka nanao hoe: Mangataha ho ahy amin' ny Tompo, mba tsy ho tonga amiko izay nolazainareo. **25** Ary rehefa nanambara sy nitory ny tenin' ny Tompo Petera sy Jaona, dia niverina nankany Jerosalema ka nitory ny filazantsara teny amin' ny vohitra maro izay an' ny Samaritana. **26** Ary nisy anjelin' ny Tompo nilaza tamin' i Filipo ka nanao hoe: Mitsangàna, ka mandehana mianatsimo ho any amin' ny lalana midìna avy any Jerosalema mankany Gaza; dia efitra izany. **27** Dia nitsangana izy ka lasa nandeha; ary, indro, nisy lehilahy Etiopiana, tandapan' i Kandasy, mpanjakavavin' ny Etiopiana, sady mpitahiry ny hareny rehetra, ary tonga tany Jerosalema izy mba hivavaka; **28** dia nody izy ka nipetraka teo anatin' ny kalesiny ary namaky teny tao amin' Isaia mpaminany **29** Dia hoy ny Fanahy tamin' i Filipo: Andeha manatona ka mankanesa amin' io kalesy io. **30** Ary Filipo nihazakazaka nankeo aminy, dia nandre azy mamaky teny tao amin' Isaia mpaminany, ka niteny taminy hoe: Moa fantatrao va izay vakinao? **31** Fa hoy izy: Hataoko ahoana no fahay, raha tsy misy mampianatra ahy? Ary izy nangataka an' i Filipo hiakatra sy hipetraka eo aminy. **32** Ary izao no tenin' ny Soratra Masìna novakiny: Nentina hovonoina tahaka ny ondry Izy, Ary tsy niloa-bava, Tahaka ny zanak' ondry moana eo anoloan' ny mpanety azy; **33** Ny fietren-tena no nanaovana Azy resy lahatra; Ary iza no hahalaza ny amin' ny niara-belona taminy? Fa ny ainy nesorina tamin' ny tany. **34** Ary ilay tandapa namaly an' i Filipo ka nanao hoe: Masona ianao, iza moa no lazain' ny mpaminany amin' izany? Ny tenany va, sa olon-kafa? **35** Ary Filipo niloa-bava, dia nanomboka teo amin' izany Soratra Masìna izany nitory an' i Jesosy taminy. **36** Ary raha nandeha teny an-dalana izy, dia tonga teo amin' izay nisy rano; ary hoy ilay tandapa: Indro rano, ka inona moa no misakana ahy tsy hatao batisa? **38** Dia nasainy najanona ny kalesy; ary izy roa lahy, dia Filipo sy ilay tandapa, nidina ho eo amin' ny rano; dia nataony batisa izy. **39** Ary rehefa niakatra avy teo amin' ny rano izy roa lahy, dia nentin' ny Fanahin' ny Tompo Filipo ka tsy hitan' ilay tandapa intsony; fa nandeha tamin' ny nalehany izy sady nifaly. **40** Fa Filipo hita tany Azota, dia nitory ny filazantsara tany amin' ny tanàna rehetra izay nalehany ambara-pahatongany tany Kaisaria.

9 Ary Saoly mbola nifofofofo fandrahonana sy famonoana tamin' ny mpianatry ny Tompo ihany, dia nankao amin' ny mpisoronabe izy **2** ka nangataka taratasy taminy ho any amin' ny synagoga any Damaskosy, mba ho entiny mifatotra ho any Jerosalema izay rehetra hitany momba izany fampianarana izany, na lahy na vavy. **3** Ary raha nandeha izy, dia tonga teo akaikin' i Damaskosy; ary nisy mazava avy tany an-danitra nanelatretatra tampoka manodidina azy; **4** dia lavo tamin' ny tany izy ka nandre feo nanao taminy hoe: Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy? **5** Ary hoy izy: Iza moa ianao, Tompoko? Dia hoy Izy: Izaho no Jesosy Izay enjehinao; **6** fa mitsangàna, ka mankanesa ho any an-tanàna, dia holazaina aminao izay mety hataonao. **7** Ary ny olona izay nomba azy tamin' ny nalehany dia nitsangana tsy nahateny, ary nandre ny feo izy, nefa tsy nahita olona. **8** Ary Saoly nitsangana tamin' ny tany, ary rehefa nahirany ny masony, dia tsy nahita na inona na inona izy; ary ireo nitantana azy ka nitondra azy ho any Damaskosy. **9** Ary tsy nahita izy hateloana sady tsy nihinana na nisotro. **10** Ary nisy mpianatra anankiray tany Damaskosy, atao hoe Ananiasy; ary hoy ny Tompo taminy tamin' ny fahitana: Ry Ananiasy. Dia hoy izy: Inty aho, Tompoko. **11** Ary hoy ny Tompo taminy: Mitsangàna, ka mandehana any amin' ny lalana atao hoe Imahitsy, ka izahao ao an-tranon' i Jodasy izay lehilahy atao hoe Saoly avy any Tarsosy; fa, indro, efa mivavaka izy; **12** ary izy efa nahita lehilahy atao hoe Ananiasy niditra ka nametra-tanana taminy, mba hahiratra indray ny masony. **13** Ary Ananiasy namaly hoe: Tompoko, efa reko tamin' ny maro ny haben' ny ratsy nataon' izany lehilahy izany tamin' ny olonao masìna tany Jerosalema. **14** Ary manana fahefanay koa avy tamin' ny mpisoronabe izy hamatotra izay rehetra miantso ny anaranao. **15** Fa hoy ny Tompo taminy: Mandehana, fa fanaka voafidy izy ho fitondrana ny anarako eo anatrehan' ny jentilisa sy ny mpanjaka ary ny Zanak' isiraely; **16** fa hasehoko azy ny habetsahan' izay tsy maintsy hiaretany ho voninahitry ny anarako. **17** Ary nandeha Ananiasy ka niditra tao an-trano, dia nametra-tanana taminy ka nanao hoe Ry Saoly rahalahy, ny Tompo, dia Jesosy Izay niseho taminao teo amin' ny lalana nalehanao, no efa naniraka ahy, mba hahiratan' ny masonao, ary mba ho feno ny Fanahy Masìna ianao. **18** Ary niaraka tamin' izay dia nisy zavatra toy ny kiran' ny hazandrano niala avy tamin' ny masony, dia nahiratra izy ka nitsangana, dia natao batisa; **19** ary nihinan-kanina izy ka dia natanjaka. Ary Saoly nitoetra andro vitsivitsy teo amin' ny mpianatra tany Damaskosy. **20** Ary niaraka tamin' izay dia nitory teo amin' ny synagoga izy ka nilaza an' i Jesosy fa Zanak' Andriamanitra. **21** Ary talanjona izay rehetra nandre ka nanao hoe: Tsy ity va ilay nandringana izay niantso izany anarana izany tany Jerosalema? ary tongay koa izy mba hitondra azy mifatotra ho any amin' ny mpisoronabe. **22** Ary Saoly mainka nihahery, dia nandresy lahatra ny Jiosy izay nonina tany Damaskosy ka naneho marimarina fa Jesosy no Kristy. **23** Ary rehefa afaka andro maromaro, dia nihendry hamono azy ny Jiosy; **24** nefa fantatr' i Saoly ny fihendreny. Ary izy ireo niambina ny vavahady andro aman' alina hamonoany azy. **25** Fa ny mpianany naka azy nony alina ka nampidina azy tamin' ny sobiky avy eo amin' ny mànda. **26** Ary rehefa tonga tany Jerosalema Saoly, dia nitady hiray tamin' ny mpianatra; fa izy rehetra natahotra azy ka tsy nino azy ho mpianatra. **27** Fa Barnabasy naka azy ka nitondra azy ho any amin' ny Apostoly, dia nanambara taminy ny nahitany ny Tompo sy ny nitenenany taminy teny an-dalana ary ny fahasahiany nitory ny anaran' i Jesosy tany Damaskosy. **28** Ary izy niara-niditra sy nivoaka tamin' ireo tany Jerosalema, **29** sady nitory tamin' ny anaran' ny Tompo tamin' ny fahasahiana ary niresaka sy niady hevitra tamin' ny Helenista; fa ireny nitady hahafaty azy. **30** Ary rehefa fantatry ny rahalahy izany, dia nentiny nidina nankany Kaisaria izy ka nampandehaniny ho any Tarsosy. **31** Dia nanam-piadanana ny fiangonana

eran' i Jodia sy Galilia ary Samaria rehetra, sady nandroso tsara sy nandeha tamin' ny fahatahorana ny Tompo sy ny famporisihan' ny Fanahy ka nihamaro. **32** Ary raha nandeha nitety ny tany rehetra Petera, dia nidina ho any amin' ny olona masìna nonina tany Lyda koa. **33** Ary izy nahita lehilahy anankiray teo, atao hoe Enea, izay efa nandry valo taona teo am-parafara, fa mararin' ny paralysisa. **34** Ary hoy Petera taminy: Ry Enea, manasitrana anao Jesosy Kristy; mitsangàna, ka amboary ny fandrianao. Dia nitsangana niaraka tamin' izay izy. **35** Ary nahita azy izay rehetra nonina tany Lyda sy Sarôna, ka dia niverina ho amin' ny Tompo. **36** Ary tany Jopa nisy vehivavy mpianatra atao hoe Tabita, izany hoe, raha adika, Dorkasy; ary be ny asa soa sy ny fiantrana izay nataon' izany vehivavy izany. **37** Ary narary izy tamin' izany andro izany, ka dia maty; ary rehefa nampandroiny ny faty, dia napetrany tao an-trano ambony. **38** Ary satria Lyda akaikin' i Jopa, ary ny mpianatra nandre fa efa tonga ao Petera, dia naniraka roa lahy izy hangataka azy hoe: Aza misalasala hankatỳ aminay. **39** Dia nitsangana Petera ka nandeha niaraka taminy. Ary nony tonga izy, dia nentiny tany an-trano ambony; ary ny mpitondratena rehetra nitsangana teo anilany ka nitomany sady nampiseho ny akanjo sy lamba izay nozairin' i Dorkasy fony fahavelony. **40** Ary navoak' i Petera avokoa izy rehetra, dia nandohalika izy ka nivavaka; ary nitodika nanatrika ny faty izy ka nanao hoe: Ry Tabita, mitsangàna. Dia nahirany ny masony; ary raha nahita an' i Petera izy, dia niarina. **41** Ary Petera nanolo-tanana azy ka nanangana azy; ary rehefa niantso ny olona masìna sy ny mpitondratena izy, dia nanolotra azy velona. **42** Ary dia fantatra eran' i Jopa izany, ka maro no nino ny Tompo. **43** Ary Petera nitoetra andro maromaro tany Jopa tao amin' i Simona mpandon-koditra.

10 Ary nisy lehilahy anankiray tany Kaisaria, atao hoe Kornelio, kapiteny tamin' ny antokon' ny miaramila atao hoe Italiana; **2** ary mpivavaka tsara sady natahotra an' Andriamanitra izy mbamin' ny ankohonany rehetra ka nanao fiantrana be tanin' ny olona sady nivavaka tamin' Andriamanitra mandrakariva. **3** Ary izy nahita miharihary tamin' ny fahitana, rehefa tokony ho tamin' ny ora fahasivy antoandro, fa, indro, nisy anjelin' Andriamanitra niditra tao aminy ka nanao taminy hoe: Ry Kornelio. **4** Ary nony nibanjina azy izy, dia raiki-tahotra ka nanao hoe: Ahoana, Tompoko? Ary izy nanao taminy hoe: Ny fivavakao sy ny fiantranao dia efa tafakatra ho fampahatsiarovana eo anatrehan' Andriamanitra. **5** Koa ankehitriny maniraha olona hankany Jopa, ka ampanalao Simona anankiray, izay atao hoe koa Petera; **6** mitoetra ao amin' i Simona mpandon-koditra izy, eo amoron-dranomasina ny tranony. **7** Ary rehefa lasa ny anjely izay niteny tamin' i Kornelio, dia niantso roa lahy tamin' ny mpanompony izy sy miaramila mpivavaka anankiray isan' izay nanaraka azy isan' andro. **8** Ary rehefa nambarany taminy izany rehetra izany, dia naniraka azy hankany Jopa izy. **9** Ary nony ampitso, raha mbola nandeha teny an-dalana izy ireo ka mby teo akaikin' ny tanàna, dia niakatra teo ambonin' ny tampon-trano Petera mba hivavaka, rehefa tokony ho tamin' ny ora fahenina. **10** Dia noana loatra izy ka te-hihinana; fa raha mbola natao ny nahandro, dia azon-tsindrimandry izy **11** ka nahita ny lanitra misokatra, sady nisy zavatra midìna toa lamba lehibe nampidinina tamin' ny zorony efatra ho amin' ny tany; **12** ary tao anatiny nisy ny biby rehetra izay manan-tongotra efatra sy ny zava-mandady sy mikisaka etỳ an-tany ary ny voro-manidina. **13** Ary nisy feo nanao taminy hoe: Mitsangàna, ry Petera; vonoy, ka hano. **14** Fa hoy Petera: Sanatria, Tompoko! fa tsy mbola nihinana zava-padina na tsy madio aho. **15** Fa hoy ilay feo taminy fanindroany: Izay efa nodiovin' Andriamanitra dia aza ataonao ho fady. **16** Ary intelo no nanaovana izany; dia nakarina tany an-danitra niaraka tamin' izay ilay zavatra. **17** Ary raha mbola nieritreritra tao am-pony Petera ny amin' izay anton' ny fahitana efa hitany, dia, indreo, ny olona izay nirahin' i Kornelio nanontany ny tranon' i Simona ka nijanona teo am-bavahady, **18** dia niantso ka nanontany na mitoetra ao Simona, izay atao hoe koa Petera, na tsia. **19** Fa raha mbola nieritreritra ny fahitana Petera, dia hoy ny Fanahy taminy: Indreo, misy telo lahy mitady anao; **20** fa mitsangàna ianao, dia midìna, ary mandehana miaraka aminy, ka aza misalasala, fa Izaho no naniraka azy. **21** Ary Petera nidina tany amin' ireo olona ireo ka nanao hoe: Inty aho izay tadiavinareo; inona no anton' ny ahatongavanareo atỳ? **22** Dia hoy ireo: Kornelio kapiteny, lehilahy marina sady matahotra an' Andriamanitra ka tsara laza amin' ny firenen' ny Jiosy rehetra, dia efa notoroan' anjely masìna hevitra hampaka anao ho any an-tranony sy hihaino teny avy aminao. **23** Ary Petera nampiantrano azy handry tao. Ary nony ampitso dia niainga Petera ka nandeha niaraka taminy, ary ny rahalahy sasany avy tany Jopa niaraka taminy koa. **24** Ary nony ampitso indray dia tonga tany Kaisaria izy. Ary Kornelio niandry azy sady efa nampiangona ny havany sy ny tena sakaizany. **25** Ary raha vao niditra Petera, dia nitsena azy Kornelio ka niankohoka teo amin' ny tongony sady nitsaoka azy. **26** Fa Petera nampitsangana azy ka nanao hoe: Mitsangàna; fa izaho dia olona ihany. **27** Ary nony niresaka taminy izy, dia niditra tao an-trano ka nahita ny olona maro tafangona tao. **28** Dia hoy izy taminy: Hianareo mahalala fa fady amin' ny Jiosy ny hanan-draharaha na hiantrano amin' ny olona hafa firenena; nefa izaho efa nampahafantarin' Andriamanitra fa tsy misy olona azoko atao hoe fady na tsy madio. **29** Ary amin' izany dia tsy nandà tsy hankatỳ aho, raha nampanalaina; koa manontany aho: Ahoana moa no nampanalanareo ahy? **30** Dia hoy Kornelio: Loak' andro afak' omaly, mandra-paha-toy izao ny andro, raha nivavaka teto an-tranoko aho mandritra ny ora fahasivy, dia, indro, nisy lehilahy niakanjo akanjo mamirapiratra nitsangana teto anatrehako **31** ka nanao hoe: Ry Kornelio, efa re ny fivavakao, ary efa tsarovana eo anatrehan' Andriamanitra ny fiantranao. **32** Koa maniraha hankany Jopa, ka ampanalao Simona, izay atao hoe koa Petera: mitoetra ao an-tranon' i Simona mpandon-koditra eo amoron-dranomasina izy. **33** Koa niaraka tamin' izay dia naniraka tany aminao aho; ary nanao soa ianao no avy. Koa ankehitriny izahay rehetra dia efa eto anatrehan' Andriamanitra hihaino izay rehetra

nandidian' ny Tompo anao. **34** Ary Petera niloa-bava ka nanao hoe: Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra; **35** fa amin' ny firenena rehetra izay olona matahotra Azy ka manao ny marina no ankasitrahany. **36** Hianareo mahalala ny teny izay nampitondrainy ho amin' ny Zanak' isiraely, mitory teny soa milaza fiadanana amin' ny alalan' i Jesosy Kristy (Izy no Tompon' izao rehetra izao), **37** dia ilay teny natomboka hatrany Galilia ka notorina tany Jodia rehetra teo aorian' ny batisa izay notorin' i Jaona, dia ny amin' i Jesosy avy any Nazareta, **38** Izay nohosoran' Andriamanitra tamin' ny Fanahy Masìna sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon' ny herin' ny devoly, satria Andriamanitra nomba Azy. **39** Ary izahay no vavolombelon' ny zavatra rehetra izay nataony tany amin' ny tanin' ny Jiosy sy tany Jerosalema; Izy dia novonoiny nahantony teo amin' ny hazo; **40** nefa natsangan' Andriamanitra kosa Izy tamin' ny andro fahatelo ka nasehony marimarina, **41** tsy tamin' ny olona rehetra, fa tamin' ny vavolombelona izay notendren' Andriamanitra rahateo, dia taminay izay niara-nihinana sy nisotro taminy, rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy. **42** Ary Izy nandidy anay hitory amin' ny olona ka hanambara fa Izy no voatendrin' Andriamanitra ho Mpitsara ny velona sy ny maty. **43** Izy no ambaran' ny mpaminany rehetra, fa amin' ny anarany no hahazoan' izay rehetra mino Azy famelan-keloka. **44** Raha mbola nilaza izany teny izany Petera, dia nilatsaka tamin' izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masìna. **45** Ary talanjona ny mino isan' ny voafora izay niaraka tamin' i Petera, satria nilatsaka tamin' ny jentilisa koa ny fanomezana, dia ny Fanahy Masìna. **46** Fa nandre azy niteny tamin' ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an' Andriamanitra izy. Dia namaly Petera ka nanao hoe: **47** Moa misy olona mahazo mandrara ny rano tsy hanaovana batisa ireo, izay efa nandray ny Fanahy Masìna tahaka antsika koa? **48** Dia nasainy natao batisa amin' ny anaran' i Jesosy Kristy izy. Ary nangatahin' ireo mba hitoetra ao aminy andro vitsivitsy izy.

11 Ary ny Apostoly sy ny rahalahy izay tany Jodia dia nahare fa ny jentilisa koa efa nandray ny tenin' Andriamanitra. **2** Ary nony tafakatra tany Jerosalema Petera, dia nila ady taminy ny mino izay isan' ny voafora **3** ka nanao hoe: Efa niantrano tany amin' ny olona tsy voafora ianao sady niara-nihinana taminy. **4** Ary Petera dia nitantara izany taminy hatramin' ny niandohany ka nanao hoe: **5** Tany an-tanàna Jopa aho ka nivavaka, ary azon-tsindrimandry aho, dia nahita fahitana, ka, indro, nisy zavatra nidina avy tany an-danitra toa lamba lehibe nampidinina tamin' ny zorony efatra, dia nankeo amiko izany; **6** ary raha nijery sy nandinika azy aho, dia hitako ny biby etỳ an-tany, izay manan-tongotra efatra, sy ny bibi-dia sy ny zava-mandady sy mikisaka ary ny voro-manidina koa. **7** Ary nandre feo koa aho nanao tamiko hoe: Mitsangàna, ry Petera, vonoy, ka hano. **8** Fa hoy izaho: Sanatria, Tompoko! fa tsy mbola niditra tamin' ny vavako izay zava-padina na tsy madio. **9** Ary nisy feo avy tany an-danitra namaly fanindroany hoe: Izay efa nodiovin' Andriamanitra aza ataonao ho fady. **10** Ary intelo no nanaovana izany, dia nosarihana niakatra tany an-danitra indray izany rehetra izany. **11** Ary tamin' izay dia, Indreo, nisy telo lahy nijanona teo anoloan' ny trano nitoeranay, izay iraka avy tany Kaisaria hankeo amiko. **12** Dia nasain' ny Fanahy hiaraka tamin' ireo aho ka tsy hizaha tavan' olona na dia kely akory aza. Ary niaraka tamiko koa ireto rahalahy enina ireto, ka niditra tao an-tranon-dralehilahy izahay. **13** Ary nambarany taminay ny nahitany ny anjely nitsangana tao an-tranony ka nanao hoe: Maniraha ho any Jopa, ka ampanalao Simona, izay atao hoe koa Petera; **14** izy hilaza teny aminao, izay hamonjena anao sy ny ankohonanao rehetra. **15** Ary raha vao niteny aho, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masìna tahaka ny tamintsika fahiny. **16** Dia nahatsiaro ny tenin' ny Tompo aho, izay nolazainy hoe: Jaona nanao batisa tamin' ny rano, fa ianareo kosa dia hatao batisa amin' ny Fanahy Masìna. **17** Koa raha mba homen' Andriamanitra azy ny fanomezana, tahaka antsika fony isika vao nino an' i Jesosy Kristy Tompo dia iza moa aho no hahasakana an' Andriamanitra? **18** Ary rehefa nandre izany ireo, dia nangina sady nankalaza an' Andriamanitra ka nanao hoe: Efa nomen' Andriamanitra ny jentilisa koa ny fibebahana hahazoany fiainana. **19** Ary izay niely noho ny fanenjehana tamin' i Stefana dia nandeha hatrany, Foinika sy Kyprosy ary Antiokia, nefa tsy nitoriteny tamin' ny olona izy, afa-tsy tamin' ny Jiosy ihany. **20** Ary ny sasany tamin' ireny, dia lehilahy avy any Kyprosy sy Kyrena izay tonga tany Antiokia, dia niresaka tamin' ny jentilisa koa ka nitory an' i Jesosy Tompo. **21** Ary ny tanan' ny Tompo nomba azy ireo, ka maro no isan' izay nino sy niverina ho amin' ny Tompo. **22** Ary ren' ny sofin' ny fiangonana tany Jerosalema ny amin' ireo, dia naniraka an' i Barnabasy izy handeha hatrany Antiokia. **23** Ary rehefa tonga izy ka nahita ny fahasoavan' Andriamanitra, dia faly ka nananatra azy rehetra haharitra hiray amin' ny Tompo amin' ny fo minia fatratra. **24** Fa lehilahy tsara fanahy izy sady feno ny Fanahy Masìna sy finoana; ary maro be ny olona nanampy ho an' ny Tompo. **25** Dia lasa Barnabasy nankany Tarsosy hitady an' i Saoly. **26** Ary rehefa nahita azy izy, dia nitondra azy hankany Antiokia. Ary niara-niasa tao amin' ny fiangonana hatramin' ny herintaona ngarangidina izy roa lahy ka nampianatra olona maro; ary tany Antiokia no voalohany nanaovana ny anaran' ny mpianatra hoe. **27** Ary tamin' izany andro izany dia nisy mpaminany sasany avy tany Jerosalema nankany Antiokia. **28** Ary nitsangana ny anankiray tamin' ireny, izay atao hoe Agabo, fa voatsindrin' ny Fanahy izy ka nilaza fa hisy mosary be eran' ny tany rehetra. Ary dia tonga izany tamin' ny andron' i Klaodio. **29** Ary ny mpianatra ninia hampitondra zavatra araka ny ananany hamonjy ny rahalahy izay nonina tany Jodia. **30** Dia nataony izany, ary ny tànan' i Barnabasy sy Saoly no nampitondrainy izany ho any amin' ny loholona.

12 Ary tamin' izany andro izany Heroda mpanjaka naninjitra ny tànany hampahory ny sasany tamin' ny fiangonana. **2** Ary izy namono an' i Jakoba, rahalahin' i Jaona, tamin' ny sabatra. **3** Ary rehefa hitany fa sitraky ny Jiosy izany, dia nandroso nisambotra an' i Petera koa

izy. (Efa mby tamin' ny andro fihinanana ny mofo tsy misy masirasira tamin' izany.) **4** Ary rehefa nosamboriny izy, dia nataony tao an-tranomaizina ka natolony tamin' ny miaramila enina ambin' ny folo hambenany; dia nikasa hamoaka azy ho eo amin' ny vahoaka izy, rehefa afaka ny Paska. **5** Ary Petera nambenana tao an-tranomaizina; ary ny fiangonana nahery nangataka tamin' Andriamanitra ho azy. **6** Ary nony efa hamoaka azy Heroda, dia natory teo anelanelan' ny miaramila roa lahy Petera tamin' iny alina iny, sady voafatotra tamin' ny gadra roa izy; ary nisy mpiambina niambina ny tranomaizina teo am-baravarana. **7** Ary, indro, nisy anjelin' ny Tompo tonga teo, sady nisy mazava namirapiratra tao an-trano; ary izy nanohina ny tehezan' i Petera, dia namoha azy ka nanao hoe: Mitsangàna faingana. Dia niala tamin' ny tànany ny gadra. **8** Ary hoy ilay anjely taminy: Misikìna, ary fehezo ny kapanao. Dia nataony izany. Ary hoy koa izy taminy: Tafio ny lambanao, ka manaraha ahy. **9** Dia nivoaka izy ka nanaraka ary; ary tsy fantany ho marina izay nataon' ny anjely, fa nataony ho nahita fahitana ihany izy. **10** Fa rehefa nandalo ny fiambenana voalohany sy faharoa izy, dia tonga teo amin' ny vavahady vy izay mahazo ny lalana ho any an-tanàna; ary nivoha ho azy io mba halehany; ary nony nivoaka izy, dia nandroso tamin' ny lalana iray; ary niaraka tamin' izay dia nandao azy izay anjely. **11** Ary rehefa nahatsiaro fanahy Petera, dia nanao hoe: Ankehitriny fantatro marina tokoa fa ny Tompo efa naniraka ny anjeliny ka namonjy ahy tamin' ny tànan' i Heroda sy ny fanantenan' ny Jiosy rehetra. **12** Ary rehefa fantany tsara izany, dia nankany an-tranon' i Maria, renin' i Jaona, izay atao hoe koa Marka, izy; ary nisy olona maro niangona nivavaka tao. **13** Ary raha nandondona ny vavahady Petera, dia nisy ankizivavy atao hoe Roda nankeo hihaino. **14** Ary rehefa nahalala ny feon' i Petera izy, dia tsy namoha ny vavahady noho ny hafaliany, fa lasa nihazakazaka ary niditra ka nilaza fa Petera no mijanona eo am-bavahady. **15** Fa hoy ny olona taminy: Very saina ianao. Fa izy nitompo rariny fa izany tokoa. Dia hoy indray ny olona: Anjeliny izany. **16** Fa Petera naharitra nandòndòna ihany, ary rehefa novohany, dia nahita azy ireo ka talanjona. **17** Fa izy nanofa tanana azy mba hangina, dia nanambara taminy izay namoahan' ny Tompo azy avy tao an-tranomaizina. Ary dia hoy izy: Ambarao amin' i Jakoba sy ny rahalahy izany zavatra izany. Dia niala izy ka lasa nankany amin' ny fitoerana hafa. **18** Ary rehefa nazava ny andro, dia nifanaritaka be ihany ny miaramila ka nanao hoe: Nankaiza Petera? **19** Ary rehefa nitady azy fatratra Heroda, fa tsy nahita, dia nadininy ny mpiambina ka nasainy novonoina. Ary Heroda nidina niala tany Jodia hankany Kaisaria, dia nitoetra tany. **20** Ary Heroda tezitra loatra tamin' ny Tyriana sy ny Sidoniana; fa niray saina kosa ireo ka nankany aminy, ary rehefa nahazo an' i Blasto, mpitandrina ny trano fandrian' ny mpanjaka, ho sakaizany, dia nangataka fihavanana, satria ny taniny nivelona tamin' ny tanin' i Heroda. **21** Ary tamin' ny andro voatendry dia niakanjo akanjom-panjakana Heroda ka nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianany, dia nikabary tamin' ny vahoaka. **22** Ary ny vahoaka niantso hoe: Feon' Andriamanitra izany, fa tsy an' olona! **23** Ary niaraka tamin' izay dia nisy anjelin' ny Tompo namely azy, satria tsy nanome voninahitra an' Andriamanitra izy; ka dia nohanin' ny kankana izy ka maty. **24** Ary nandroso sy niely ny tenin' Andriamanitra. **25** Ary Barnabasy sy Saoly niverina avy tany Jerosalema, rehefa vita ny fanompoany, dia nitondra an' i Jaona, izay atao hoe Marka, hiaraka aminy.

13 Ary teo amin' ny fiangonana tany Antiokia nisy mpaminany sy mpampianatra: Barnabasy sy Simeona, izay atao hoe Nigera, sy Losio Kyreniana sy Menahema (izay niolonono tamin' i Heroda mpanapaka) ary Saoly. **2** Ary raha nanao fanompoam-pivavahana ho an' ny Tompo sy nifady hanina ireo, dia hoy ny Fanahy Masìna: Atokàny ho Ahy Barnabasy sy Saoly hanao ny asa izay efa niantsoako azy. **3** Ary rehefa nifady hanina sy nivavaka ary nametra-tanana taminy izy, dia nandefa azy. **4** Ary rehefa nirahin' ny Fanahy Masìna izy roa lahy, dia nidina nankany Seleokia izy ka niondrana an-tsambo teo hankany Kyprosy. **5** Ary nony tonga tany Salamisy izy, dia nitory ny tenin' Andriamanitra teny amin' ny synagogan' ny Jiosy; ary nitondra an' i Jaona koa ho mpanampy azy izy. **6** Ary rehefa namaky ny nosy ka tonga tany Pafo izy, dia nahita Jiosy anankiray atao hoe Barjesosy, mpanao ody sady mpaminany sandoka, **7** izay nitoetra tao amin' i Serygio Paolo, governoran' ny tany sady lehilahy hendry; ary izy nampaka an' i Barnabasy sy Saoly hankao aminy ka naniry mba hahare ny tenin' Andriamanitra. **8** Fa Elyma, mpanao ody (fa izany no anarany, raha adika), nanohitra azy roa lahy sady nitady hampivily ny governora tsy hanaiky ny finoana. **9** Fa Saoly kosa, izay atao hoe koa Paoly, feno ny Fanahy Masìna, dia nibanjina azy **10** ka nanao hoe: Ialahy feno ny fitaka rehetra sy ny fahafetsena rehetra, ialahy zanaky ny devoly sady fahavalon' ny fahamarinana rehetra, tsy hitsahatra tsy hamily ny lala-mahitsin' ny Tompo va ialahy? **11** Ary, indro, ankehitriny ny tanan' ny Tompo hamely an' ialahy, dia ho jamba ialahy ka tsy hahita masoandro aloha. Dia latsaka tao aminy niaraka tamin' izay ny mampanjambena sy ny aizina, ary niraparapa nitady olona hitantana azy izy. **12** Ary ny governora, nony nahita izay efa natao, dia nino sady talanjona tamin' ny fampianaran' ny Tompo. **13** Ary Paoly sy ny namany, rehefa niondrana an-tsambo niala avy tany Pafo, dia tonga tany Peryga any Pamfyha; fa Jaona nandao azy ka niverina nankany Jerosalema. **14** Ary rehefa niala tany Peryga izy ireo, dia nandroso nankany Antiokia any Pisidia, dia niditra tao amin' ny synagoga tamin' ny andro Sabata ka nipetraka teo. **15** Ary rehefa vita ny famakiana ny lalàna sy ny mpaminany, ny mpanapaka ny synagoga dia nampilaza taminy ka nanao hoe: Ry rahalahy, raha misy fananarana hataonareo amin' ny olona, dia ataovy. **16** Ary Paoly nitsangana, dia nanofa tanana azy ka nanao hoe: Ry lehilahy Isiraely sy ianareo izay matahotra an' Andriamanitra, mihainoa; **17** Andriamanitr' izao olona Isiraely izao efa nifidy ny razantsika ka nanandratra ny olona, raha nivahiny tany amin' ny tany Egypta izy, ary sandry avo no nitondrany azy nivoaka avy tany. **18** Ary

Izy nandefitra tamin' ny nataony tany an-efitra tokony ho efa-polo taona. **19** Ary rehefa nandrava firenena fito tany amin' ny tany Kanana Izy, dia nampandovainy ny tanin' ireny izy **20** tokony ho dimam-polo amby efa-jato taona; ary rehefa afaka izany, dia nomeny mpitsara izy hatramin' i Samoela mpaminany. **21** Ary rehefa afaka indray izany, dia nangataka mpanjaka izy; ka dia nomen' Andriamanitra azy efa-polo taona Saoly, zanak' i Kisy, lehilahy avy tamin' ny firenen' i Benjamina. **22** Ary rehefa nanaisotra an' i Saoly Izy, dia nanandratra an' i Davida ho mpanjakany sady nanambara azy hoe: Izaho nahita an' i Davida, zanak' i Jese, lehilahy araka ny foko, izay hanao ny sitrapoko rehetra. **23** Avy tamin' ny taranak' izany lehilahy izany no nitondran' Andriamanitra an' i Jesosy araka ny teny fikasana ho Mpamonjy ny Isiraely, **24** rehefa notorin' i Jaona tamin' ny olona Isiraely rehetra aloha ny batisan' ny fibebahana, fony tsy mbola tonga Izy. **25** Ary Jaona, rehefa nadiva no nahatanteraka ny nalehany, dia nanao hoe: Ataonareo ho iza moa aho? Tsy Izy aho; fa, indro, misy Anankiray avy ao aoriako, ka izaho tsy miendrika hamaha ny kapa eo an-tongony akory. **26** Ry rahalahy, taranak' i Abrahama, sy izay rehetra eo aminareo matahotra an' Andriamanitra, dia ho amintsika no nampitondrana ny tenin' izao famonjena izao. **27** Fa izay monina any Jerosalema sy ny loholony, satria tsy mba nahafantatra Azy, na ny feon' ny mpaminany izay vakina isan-tSabata, dia nahatanteraka izany tamin' ny nanamelohany Azy. **28** Ary na dia tsy hitany aza izay tokony hanamelohana Azy ho faty, dia nangataka tamin' i Pilato ihany izy hamonoana Ary. **29** Ary rehefa nahatanteraka izay rehetra voasoratra ny amin' i Jesosy izy, dia nanaisotra Azy tamin' ny hazo ka nandevina Azy tao am-pasana. **30** Fa Andriamanitra kosa nanangana Azy tamin' ny maty. **31** Ary Izy niseho andro maro tamin' izay niara-niakatra taminy avy tany Galilia ho any Jerosalema, ka dia ireo no vavolombelony amin' ny olona ankehitriny. **32** Ary izahay mitory ny filazantsara aminareo, dia ilay teny fikasana nolazaina tamin' ny razana, **33** dia ny nahatanterahan' Andriamanitra izany tamin' ny zanatsika, raha nanangana an' i Jesosy Izy, araka ny voasoratra eo amin' ny Salamo faharoa hoe: Zanako Hianao, Izaho niteraka Anao androany. **34** Ary ny amin' ny nananganany Azy tamin' ny maty, ka tsy hiverina ho amin' ny lò intsony Izy, dia izao no voalazany: Homeko anareo ny famindram-po mahatoky nampanantenaina an' i Davida. **35** Fa hoy Izy ao amin' ny Salamo hafa koa: Tsy hamela ny Iray Masinao ho tratry ny lò Hianao. **36** Fa Davida, rehefa nahatanteraka ny sitrapon' Andriamanitra hahasoa ny olona niara-belona taminy, dia nodi-mandry ka nangonina ho any amin' ny razany izy ary tratry ny lò; **37** fa Izay natsangan' Andriamanitra no tsy mba tratry ny lò. **38** Ary aoka ho fantatrareo, ry rahalahy, fa izany Lehilahy izany no itoriana famelan-keloka aminareo; **39** ary ao aminy no anamarinana izay rehetra mino ho afaka amin' ny heloka rehetra izay tsy azo nanamarinana anareo tamin' ny lalàn' i Mosesy. **40** Koa tandremo fandrao hihatra izay voalaza eo amin' ny mpaminany hoe: **41** Izahaonareo mpamotsifotsy, dia gagà, ka levona; Fa Izaho manao asa amin' ny andronareo, Dia asa izay tsy hinoanareo akory, na dia hisy hilaza aminareo aza **42** Ary rehefa nivoaka izy, dia nangatahiny holazaina aminy indray izany teny izany amin' ny Sabata manaraka. **43** Ary rehefa nirava ny fiangonana, dia maro tamin' ny Jiosy sy ny proselyta izay nanompo an' Andriamanitra no nanaraka an' i Paoly sy Barnabasy, izay niteny taminy ka namporisika azy haharitra amin' ny fahasoavan' Andriamanitra. **44** Ary nony tamin' ny Sabata manaraka, dia saiky tafangona avokoa ny tao an-tanàna hihaino ny tenin' Andriamanitra. **45** Nefa ny Jiosy kosa, raha nahita ny vahoaka betsaka, dia feno fialonana ka nanohitra ny teny nolazain' i Paoly, sady niteny ratsy. **46** Ary Paoly sy Barnabasy dia niteny tamin' ny fahasahiana ka nanao hoe: Hianareo no tsy maintsy nitoriana ny tenin' Andriamanitra aloha; fa rehefa mandà izany ianareo ka manao ny tenanareo ho tsy miendrika hahazo fiainana mandrakizay, dia indro, mitodika mankany amin' ny jentilisa izahay; **(aiōnios g166)** **47** fa izao no nandidian' ny Tompo anay: Efa nanendry Anao ho fahazavan' ny jentilisa Aho, Mba ho famonjena hatrany amin' ny faran' ny tany Hianao. **48** Ary rehefa nandre izany ny jentilisa, dia faly izy ka nankalaza ny tenin' Andriamanitra; ary izay voalahatra ho amin' ny fiainana mandrakizay dia nino. **(aiōnios g166)** **49** Ary ny tenin' ny Tompo dia naely eran' izany tany rehetra izany. **50** Fa ny Jiosy nampitaitra ny vehivavy manan-kaja izay nivavaka sy ny lehibe tao an-tanàna, dia nahatonga fanenjehana tamin' i Paoly sy Barnabasy ireny ka nandroaka azy niala tamin' ny taniny. **51** Fa izy roa lahy kosa nanintsana ny vovoka tamin' ny tongony hiampanga ireo, dia nankany Ikonioma. **52** Ary dia feno fifaliana sy ny Fanahy Masìna ny mpianatra.

14 Ary nony tany Ikonioma Paoly sy Barnabasy, dia niara-niditra tao amin' ny synagogan' ny Jiosy izy ka nitori-teny, ka dia olona betsaka no nino, na Jiosy na jentilisa. **2** Fa ny Jiosy izay tsy nino dia nampitaitra ny jentilisa ka nanome fo azy hanohitra hanohitra ny rahalahy. **3** Ary nitoetra ela teo izy, dia nitory tamin' ny fahasahiana noho ny fahatokiany ny Tompo, Izay nanome vavolombelona hahamarina ny tenin' ny fahasoavany **4** Fa ny vahoaka tao an-tanàna nisara-tsaina, ny sasany nomba ny Jiosy, fa ny sasany kosa nomba ny Apostoly. **5** Ary raha niray tetika hanisy ratsy sy hitora-bato azy ny jentilisa sy ny Jiosy mbamin' ny loholony, **6** ka fantany izany, dia nandositra nankany Lystra sy Derbe, tanàna any Lykaonia, mbamin' ny tany manodidina, izy, **7** dia nitory ny filazantsara tany. **8** Ary nisy lehilahy anankiray nipetraka tany Lystra nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny ka tsy afaka namindra; **9** izy nahare an' i Paoly nitori-teny; ary Paoly, nony nibanjina azy mafy ka nahita fa nanam-pinoana hositranina io, **10** dia niteny tamin' ny feo mahery hoe: Mijoroa amin' ny tongotrao. Dia niantsambotsambotra ralehilahy ka nitsangantsangana. **11** Ary nony hitan' ny vahoaka betsaka izay zavatra nataon' i Paoly, dia nanandratra ny feony ka nanao tamin' ny fitenin' i Lykaonia hoe: Efa nidina nankaty amintsika ny andriamanitra maka ny endrik' olona! **12** Ary ny anaran' i Barnabasy nataony hoe Jopitera, ary Paoly kosa Merkory, satria izy no mpitarika ny teny nalahatra. **13** Ary ny mpisoron'

ilay Jopitera teo anoloan' ny tanàna, mbamin' ny vahoaka, dia nitondra ombilahy sy voninkazo natao fihaingoana ho ao am-bavahady ka nikasa hanao fanatitra. **14** Fa nony nahare izany ny Apostoly, dia Barnabasy sy Paoly, dia nandriatra ny fitafiany izy ka nitsarapaka nankeo afovoan' ny olona sady niantso nanao hoe: **15** Raondriana, ahoana no anaovanareo izao? Olona tahaka anareo ihany izahay ary mitory ny filazantsara aminareo, mba hialanareo amin' izao zava-poana izao hanatona an' Andriamanitra velona, Izay nanao ny lanitra sy ny tany ary ny ranomasina mbamin' izay rehetra ao anatiny, **16** Izay namela ny firenena rehetra handeha tamin' ny lalana tiany haleha tamin' ny andro lasa. **17** Kanefa tsy namela ny tenany tsy hanana vavolombelona Izy; fa manao soa Izy, mampilatsaka ny ranonorana avy eny amin' ny lanitra ho anareo sady manome taon-jina ka mahavoky ny fonareo amin' ny hanina sy ny fifaliana. **18** Nefa na dia nilaza izany aza izy, dia saiky tsy nahasakana ny olona tsy hamono zavatra hatao fanatitra aminy. **19** Ary nisy Jiosy tonga avy tany Antiokia sy Ikonioma, izay nitaona ny vahoaka ka nitora-bato an' i Paoly, dia nitarika azy ho eny ivelan' ny tanàna, satria nataony fa efa maty izy. **20** Fa nony nanodidina azy ny mpianatra, dia nitsangana izy ka lasa niakatra tao an-tanàna. Ary nony ampitso dia niala tao izy sy Barnabasy ka nankany Derbe. **21** Ary rehefa nitory ny filazantsara tamin' izany tanàna izany izy ka nahazo mpianatra maro, dia niverina nankany Lystra sy Ikonioma ary Antiokia indray izy, **22** nampahery ny fanahin' ny mpianatra ka nananatra azy haharitra amin' ny finoana, sady nilaza fa tsy maintsy ho amin' ny fahoriana be no idirantsika amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **23** Ary rehefa nanendry loholona teo amin' ny isam-piangonana izy, dia nivavaka sady nifady hanina ka dia nanolotra azy ho an' ny Tompo Izay efa ninoany. **24** Ary rehefa nandeha namaky an' i Pisidia izy, dia tonga tany Pamfylia. **25** Ary nony efa nitory ny teny tany Peryga izy, dia nidina nankany Atalia. **26** Dia niondrana an-tsambo niala teo izy hankany Antiokia, izay efa nanolorana azy ho amin' ny fahasoavan' Andriamanitra ho amin' ny asa izay novitainy. **27** Ary rehefa tonga tao izy ka namory ny fiangonana, dia nilaza izay rehetra nataon' Andriamanitra tamin' ny nombany azy, sy ny namohany varavaram-pinoana ho an' ny jentilisa. **28** Dia nitoetra elaela ihany tamin' ny mpianatra izy.

15 Ary ny olona sasany izay nidina avy tany Jodia nampianatra ny rahalahy hoe: Raha tsy forana araka ny fanaon' i Mosesy ianareo, dia tsy azo vonjena. **2** Ary rehefa nifanditra sy niady hevitra be ihany tamin' ireo Paoly sy Barnabasy, dia nifanarahana ny hiakaran' izy roa lahy sy ny sasany koa hankany Jerosalema ho any amin' ny Apostoly sy ny loholona hanadina izany teny niadian-kevitra izany. **3** Ary rehefa nanatitra azy ny fiangonana, dia nandeha namaky an' i Foinika sy Samaria izy ka nilaza ny niovan' ny jentilisa; dia nampifaly ny rahalahy rehetra indrindra izy. **4** Ary rehefa tonga tany Jerosalema izy, dia noraisin' ny fiangonana sy ny Apostoly ary ny loholona, ka dia nilaza izay rehetra efa nataon' Andriamanitra tamin' ny nombany azy. **5** Fa ny mino sasany, izay isan' ny antokon' ny Fariseo kosa, dia nitsangana ka nanao hoe: Tsy maintsy forana ireny ka asaina mitandrina ny lalàn' i Mosesy. **6** Ary dia nivory ny Apostoly sy ny loholona mba hihevitra izany zavatra izany. **7** Ary rehefa nisy ady hevitra be ihany, dia nitsangana Petera ka nanao taminy hoe: Ry rahalahy, fantatrareo fa hatramin' ny ela Andriamanitra dia efa nifidy teo aminareo fa amin' ny vavako no handrenesan' ny jentilisa ny tenin' ny filazantsara ka hinoany. **8** Ary Andriamanitra, Izay mahalala ny fo, dia vavolombelony tamin' ny nanomezany azy ny Fanahy Masìna tahaka antsika koa; **9** fa tsy nataony misy hafa isika sy izy, fa nodioviny tamin' ny finoana ny fony. **10** Koa nahoana ianareo no maka fanahy an' Andriamanitra amin' ny fametrahanareo zioga amin' ny vozon' ny mpianatra, izay tsy zakan' ny razantsika na isika ho entina? **11** Fa mino isika fa ny fahasoavan' i Jesosy Tompo no hamonjena antsika, dia tahaka ny azy ihany koa. **12** Dia nangina ny olona rehetra ka nihaino an' i Barnabasy sy Paoly, izay nilaza ny famantarana sy ny fahagagana nampanaovin' Andriamanitra azy tany amin' ny jentilisa. **13** Ary rehefa nitsahatra tsy niteny izy roa lahy, dia namaly Jakoba ka nanao hoe: Ry rahalahy, mihainoa ahy: **14** Simeona efa nanambara izay nitsinjovan' Andriamanitra ny jentilisa tamin' ny voalohany hanalany olona aminy hankalazana ny anarany. **15** Ary mifanaraka amin' izany ny tenin' ny mpaminany, araka ny voasoratra hoe: **16** Rehefa afaka izany, dia hiverina Aho Ka hanangana ny trano-lain' i Davida izay efa nianjera; Ary hanangana izay efa rava ao Aho Ka hanamboatra azy indray; **17** Mba hitady ny Tompo ny olona sisa sy ny jentilisa rehetra, Izay efa niantsoana ny anarako, hoy Jehovah, **18** Izay manao izany zavatra fantatra hatramin' ny voalohany indrindra izany. **(aiōn g165)** **19** Koa dia izao no hevitro: Tsy mety raha isika manome fahasahiranana ny avy amin' ny jentilisa izay miverina ho amin' Andriamanitra; **20** fa aoka hanoratra epistily aminy isika mba hifadiany ny hena fahavetavetana aterina amin' ny sampy sy ny fijangajangana ary ny zavatra kendaina sy ny rà. **21** Fa hatramin' ny razana fahiny dia manana izay mitory azy ao amin' ny isan-tanàna Mosesy, fa vakina ao amin' ny synagoga rehetra isan-tSabata ny teniny. **22** Ary sitraky ny Apostoly sy ny loholona mbamin' ny fiangonana rehetra ny hifidy olona amin' ny namany mba hirahina hiaraka amin' i Paoly sy Barnabasy hankany Antiokia, dia Joda, izay atao hoe Barnabasy, sy Silasy, izay lehilahy samy tsara laza eo amin' ny rahalahy; **23** ary nanoratra taratasy izy ho entin' ireo, dia izao: Ny Apostoly sy ny rahalahy loholona miarahaba ny rahalahy avy amin' ny jentilisa izay any Antiokia sy Syria ary Kilikia. **24** Satria efa renay fa ny sasany izay avy tany aminay efa nanao teny nampitabataba anareo ka namadika ny sainareo, kanefa tsy nasainay nanao izany izy, **25** dia sitrakay, rehefa nifanara-kevitra, ny hifidy olona hirahina hankatỳ aminareo hiaraka amin' i Barnabasy sy Paoly malalanay, **26** lehilahy izay nanao ny ainy tsy ho zavatra ho voninahitry ny anaran' i Jesosy Kristy Tompontsika. **27** Dia nirahinay Joda sy Silasy, sady hilaza vava izany teny izany koa izy. **28** Fa sitraky ny Fanahy Masìna sy izahay tsy hampitondra enta-mavesatra anareo

afa-tsy izao zavatra tsy maintsy hotandremana izao ihany: **29** dia ny hifadianareo ny hena aterina amin' ny sampy sy ny rà sy ny zavatra kendaina ary ny fijangajangana; raha mahatandrin-tena hifady izany ianareo, dia ho soa. Veloma ianareo. **30** Ary rehefa nalefany izy ireo, dia nidina nankany Antiokia; ary namory ny olona maro izy, dia natolony ilay epistily. **31** Ary nony efa namaky izany ny olona, dia nifaly noho ny anatra tsara. **32** Ary satria mpaminany Joda sy Silasy, dia namporisika ny rahalahy tamin' ny teny maro izy ka nampahery azy. **33** Ary rehefa nitoetra elaela teo izy ireo, dia nampandehanin' ny rahalahy soa aman-tsara ho any amin' izay naniraka azy. **35** Ary Paoly sy Barnabasy kosa nitoetra tany Antiokia; dia nampianatra sy nitory ny tenin' ny Tompo izy roa lahy mbamin' ny maro koa. **36** Ary rehefa afaka andro vitsivitsy, dia hoy Paoly tamin' i Barnabasy: Andeha isika hiverina hamangy ny rahalahy any amin' ny tanàna rehetra izay efa nitoriantsika ny tenin' ny Tompo, hahitantsika izay toetrany. **37** Ary tian' i Barnabasy ny hitondra an' i Jaona, izay atao hoe Marka, hiaraka aminy. **38** Nefa nataon' i Paoly fa tsy tokony ho entiny miaraka aminy izy, satria nandao azy tany Pamfylia ka tsy niaraka taminy ho any amin' ny raharaha. **39** Ary nifanditra mafy izy roa lahy ka nisaraka; ary Barnabasy nitondra an' i Marka, dia niondrana an-tsambo nankany Kyprosy. **40** Fa Paoly kosa nifidy an' i Silasy, dia niainga, rehefa natolotry ny rahalahy ho amin' ny fahasoavan' ny Tompo izy. **41** Dia nandeha namaky an' i Syria sy Kilikia izy nampahery ny fiangonana tany.

16 Dia tonga tany Derbe sy Lystra koa izy; ary, indro, nisy mpianatra anankiray teo atao hoe Timoty — zanaky ny vehivavy Jiosy izay nino, fa jentilisa rainy — **2** ary tsara laza teo amin' ny rahalahy tany Lystra sy Ikonioma izy. **3** Koa tian' i Paoly ho entiny miaraka aminy izy; dia nalainy izy ka noforany noho ny Jiosy tany amin' izany tany izany, satria fantatr' izy rehetra fa jentilisa rainy. **4** Ary raha nandeha nitety ny tanàna tao izy, dia natolony hotandreman' ny olona ireo didy navoaky ny Apostoly sy ny loholona tany Jerosalema. **5** Ary nihanahery finoana ny fiangonana sady nihamaro isan' andro. **6** Ary rehefa noraran' ny Fanahy Masìna tsy hitory ny teny tany Asia izy, dia nandeha namaky ny tany Frygia sy Galatia **7** ka efa tonga tany an-tsisin' i Mysia, dia nitady hankany Bitynia izy, fa tsy navelan' ny Fanahin' i Jesosy. **8** Ary rehefa nandalo an' i Mysia izy, dia nidina nankany Troasy. **9** Ary nony alina dia nisy fahitana niseho tamin' i Paoly, koa, indro, nisy lehilahy Makedoniana nitsangana teo ka nangataka azy hoe: Mitàmankaty Makedonia, ka vonjeo izahay! **10** Ary nony nahita ny fahitana izy, dia nitady handeha niaraka tamin' izay hankany Makedonia izahay, satria nataonay fa Andriamanitra no efa niantso anay hitory ny filazantsara amin' ny olona any. **11** Ary nony niondrana an-tsambo niala tany Troasy izahay, dia nizotra nankany Samotrakia; ary nony ampitso dia nankany Neapolia. **12** Ary nony niala teo izahay, dia nankany Filipy, izay tanàna voalohany amin' izany zara-tanin' i Makedonia izany sady zana-panjakana; ary nitoetra teo amin' izany tanàna izany andro vitsivitsy izahay. **13** Ary tamin' ny andro Sabata dia nivoaka teo ivelan' ny vavahady izahay nankeny amoron' ony, izay nataonay fa nisy fitoerana fivavahana; ary nipetraka teo izahay ka niresaka tamin' ny vehivavy vory teo. **14** Ary nisy vehivavy atao hoe Lydia, mpivarotra lamba volomparasy, avy any an-tanàna Tyatira, izay nivavaka tamin' Andriamanitra, dia nihaino izy, ary ny Tompo nanokatra ny fony hitandrina ny teny izay nolazain' i Paoly. **15** Ary rehefa natao batisa ravehivavy mbamin' ny ankohonany, dia nangataka izy nanao hoe: Raha ataonareo ho mahatoky amin' ny Tompo aho, dia midìra ao an-tranoko ka mitoera ao. Dia nanery anay izy. **16** Ary raha nandeha ho any amin' ilay fitoerana fivavahana izahay, dia nisy ankizivavy anankiray nanam-panahy mahavaly nifanena taminay, ary ny faminaniana nataony no nahazoan' ny tompony harena be. **17** Izy nanaraka an' i Paoly sy izahay ka niantso hoe: Ireo lehilahy ireo dia mpanompon' Andriamanitra Avo Indrindra, izay manoro anareo lalam-pamonjena. **18** Ary nataony tamin' ny andro maro izany. Ary sosotra Paoly, dia nitodika ka nanao tamin' ny fanahy hoe: Mandidy anao amin' ny anaran' i Jesosy Kristy aho hivoaka aminy. Dia nivoaka tamin' izany ora izany indrindra izy. **19** Ary nony hitan' ireo tompony fa very ny fanantenany hahazoany harena, dia nisambotra an' i Paoly sy Silasy izy ka nitondra azy ho any an-tsena any amin' ny lehibe; **20** ary rehefa nentiny tany amin' ireo governora izy roa lahy, dia nolazainy hoe: Ireto lehilahy Jiosy ireto mampitabataba ny tanànantsika loatra **21** ka mampianatra fanao tsy mety horaisintsika na hataontsika, fa Romana isika. **22** Ary ny vahoaka niara-nitsangana hamely azy; ary ireo governora nanaisotra ny lambany, ka nasainy nokapohina tamin' ny hazo izy. **23** Ary nony efa nokapohiny mafy dia mafy izy, dia nataony tao an-tranomaizina, ka nasainy niambina azy tsara ny mpiandry tranomaizina. **24** Ary rehefa nahazo teny toy izany ralehilahy, dia nataony tao amin' ny tranomaizina anatiny indrindra izy, ary ny tongony nobolokiny mafy tamin' ny boloky hazo. **25** Ary nony mamatonalina, dia nivavaka sy nihira fiderana an' Andriamanitra Paoly sy Silasy; ary nihaino azy ny mpifatotra. **26** Ary nisy horohorontany mafy dia mafy avy tampoka, ka nihozongozona ny fanorenan' ny tranomaizina; dia nivoha niaraka tamin' izay ny varavarana rehetra, ary nivaha avokoa ny fatoran' izy rehetra. **27** Dia nahatsiaro ny mpiandry tranomaizina ka nahita ny varavaran' ny tranomaizina nivoha, dia nanatsoaka ny sabany izy ka saiky hamono tena, satria nataony fa efa nandositra ny mpifatotra. **28** Fa Paoly niantso tamin' ny feo mahery ka nanao hoe: Aza mamono tena, fa ato ihany izahay rehetra. **29** Ary izy niantso jiro, dia nikaretsaka niditra sady tora-kovitra ka niankohoka teo anatrehan' i Paoly sy Silasy. **30** Ary rehefa nentiny nivoaka izy roa lahy, dia hoy izy: Tompoko, inona no mety hataoko, mba hovonjena aho? **31** Dia hoy izy roa lahy: Minoa an' i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao. **32** Ary izy roa lahy nitory ny tenin' ny Tompo taminy sy tamin' izay rehetra tao an-tranony. **33** Ary nandray azy roa lahy izy tamin' izany ora amin' ny alina izany ka nanasa ny dian-kapoka; ary natao batisa tamin' izay izy mbamin' izay

azy rehetra. **34** Ary rehefa nentiny niakatra ho ao antrano izy roa lahy, dia norosoany hanina teo anoloany, dia nifaly indrindra izy mbamin' izay rehetra tao an-tranony, satria efa nino an' Andriamanitra. **35** Ary rehefa maraina ny andro, ireo governora dia naniraka ny mpitan-defona ka nanao hoe: Alefaso ireo olona ireo. **36** Ary ny mpiandry tranomaizina nilaza izany teny izany tamin' i Paoly hoe: Ireo governora efa naniraka handefa anareo, koa ankehitriny mivoaha ianareo ka mandehana soa aman-tsara. **37** Fa hoy Paoly taminy: Efa nokapohiny tsy voatsara teo amin' ny miharihary izahay, kanefa Romana izahay, ka nataony tao an-tranomaizina, ary ankehitriny moa mamoaka anay mangingina va izy? Tsia, fa aoka izy ihany ho hankatỳ hamoaka anay. **38** Ary ny mpitan-defona nilaza izany teny izany tamin' ireo governora; dia natahotra izy, raha nahare fa Romana izy roa lahy. **39** Dia tonga izy ka nanony azy sady nitondra azy nivoaka ary nangataka azy handeha hiala ao an-tanàna. **40** Dia niala tao an-tranomaizina izy ka niditra tao an-tranon' i Lydia; ary rehefa nahita ny rahalahy izy, dia nananatra azy ka lasa nandeha.

17 Ary rehefa nandeha namaky an' i Amfipolia sy Apolonia izy, dia tonga tao Tesalonika, ary nisy synagogan' ny Jiosy tao. **2** Ary Paoly dia niditra tao araka ny fanaony; ary Sabata telo no niadiany hevitra avy amin' ny Soratra Masìna tamin' ny olona tao. **3** Dia nanambara izy ka naneho marimarina fa tsy maintsy nijaly sy nitsangana tamin' ny maty Kristy; ary Jesosy, Izay toriko aminareo, hoy izy, no Kristy. **4** Ary ny sasany tamin' ireo dia nino ka nanampy ho isan' ny mpianatr' i Paoly sy Silasy, ary maro be koa tamin' ny jentilisa izay mpivavaka, ary tsy vitsy tamin' ny vehivavy nanan-kaja. **5** Fa nialona ny Jiosy ka naka olona ratsy fanahy teny an-tsena ary nahavory vahoaka betsaka, dia nampitabataba ny tanàna ka namely ny tranon' i Jasona ary nitady hamoaka azy roa lahy ho ao amin' ny olona. **6** Ary raha tsy nahita azy roa lahy izy, dia nisarika an' i Jasona sy ny rahalahy sasany ho ao amin' ny lehiben' ny tanàna ka niantso mafy hoe: Tongay koa ireo lehilahy namadika izao tontolo izao ireo; **7** ary efa nampandrosoin' i Jasona izy, ka izy rehetra ireo manohitra ny tenin' i Kaisara, satria izy milaza fa misy mpanjaka hafa, dia Jesosy. **8** Dia taitra ny vahoaka sy ny lehiben' ny tanàna, raha nahare izany. **9** Ary rehefa nasainy nametraka antoka Jasona sy ny sasany teo aminy, dia navelany handeha izy. **10** Ary Paoly sy Silasy dia nampandehanin' ny rahalahy niaraka tamin' izay nony alina hankany Beria; koa raha tonga tany izy, dia niditra tao amin' ny synagogan' ny Jiosy. **11** Ary ny toe-panahin' ireo dia tsara noho ny tao Tesalonika; satria nandray ny teny tamin' ny zotom-po indrindra ireo ka nandinika ny Soratra Masìna isan' andro, na marina izany, na tsia. **12** Koa maro tamin' ireo no nino, ary tsy vitsy tamin' ny vehivavy jentilisa nanan-kaja sy ny lehilahy. **13** Fa raha ren' ny Jiosy tany Tesalonika fa Paoly nitory ny tenin' Andriamanitra tany Beria, dia nankany izy ka nampikotrana sy nampitabataba ny vahoaka. **14** Ary niaraka tamin' izay dia nasain' ny rahalahy nandeha hatrany amoron-dranomasina Paoly; fa Silasy sy Timoty kosa dia mbola nijanona teo ihany. **15** Ary izay nanatitra an' i Paoly dia nitondra azy nankany Atena; ary rehefa nahazo teny holazainy amin' i Silasy sy Timoty izy mba hankanesan' izy roa lahy any aminy faingana, dia lasa nandeha ireo. **16** Ary raha niandry azy tany Atena Paoly, dia taitra tao anatiny ny fanahiny, raha nahita ny tanàna feno sampy izy. **17** Ary izy niady hevitra tamin' ny Jiosy sy ny proselyta tao amin' ny synagoga sy tamin' izay tafavory tany an-tsena isan' andro. **18** Ary ny olon-kendry sasany tamin' ny Epikoreana sy ny Stoika nanohitra azy koa, ka hoy ny sasany: Inona no tian' io mpibedibedy io holazaina? Ary hoy kosa ny sasany: Toa mitory andriamani-baovao izy, satria Jesosy sy ny fitsanganan' ny maty no notoriny. **19** Ary ireo naka azy, dia nitondra azy ho any Areopago ka nanao hoe: Moa mba mahazo mahafantatra izany fampianarana vaovao lazainao izany izahay? **20** Fa mampandre ny sofinay zavatra hafahafa izay tsy fantatray ianao; koa tianay ho fantatra izay hevitr' izany zavatra izany. **21** (Fa ny Ateniana rehetra sy ny vahiny izay nitoetra teo tsy nandany ny androny tamin' ny zavatra hafa, afa-tsy ny hilaza na hihaino zava-baovao.) **22** Ary Paoly nitsangana teo afovoan' i Areopago ka nanao hoe: Ry lehilahy Ateniana, hitako fa amin' ny zavatra rehetra dia fatra-pivavaka amin' ny andriamanitrareo indrindra ianareo. **23** Fa raha nandeha aho ka nandinika izay zavatra ivavahanareo, dia nahita alitara anankiray misy izao soratra izao: HO AN' IZAY ANDRIAMANITRA TSY FANTATRA. Koa izay ivavahanareo, kanefa tsy fantatrareo, dia izany no toriko aminareo, **24** dia Andriamanitra Izay nanao izao tontolo izao sy ny ao aminy rehetra, Izy no Tompon' ny lanitra sy ny tany ka tsy mba mitoetra ao anaty tempoly nataon-tanana, **25** sady tsy mba tompoin' ny tànan' olona toa mila zavatra, fa Izy ihany no manome izao rehetra izao aina sy fofon' aina ary ny zavatra rehetra; **26** ary ny firenena rehetra avy amin' ny iray ihany dia namponeniny ambonin' ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan' andro sy ny faritry ny fonenany, **27** mba hitady an' Andriamanitra izy, raha tàhiny hahatsapa ka hahita Azy, kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy; **28** fa Izy no ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika; araka ny nataon' ny mpanao tonon-kira sasany teo aminareo hoe: Fa terany koa isika. **29** Ary satria terak' Andriamanitra isika, dia tsy mety raha ny fomban' Andriamanitra no ataontsika ho tahaka ny volamena, na volafotsy, na vato voasoratry ny fahaizana aman-tsain' olombelona. **30** Ary Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron' ny tsi-fahalalana; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin' izao tontolo izao hibebaka, **31** satria Izy efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin' ny fahamarinana amin' ny alalan' ny Lehilahy iray voatendriny, koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany Izy tamin' ny nananganany Azy tamin' ny maty. **32** Ary raha nahare ny amin' ny fitsanganan' ny maty izy, dia nihomehy ny sasany; ary ny sasany kosa nanao hoe: Mbola hihaino anao indray izahay ny amin' izany zavatra izany. **33** Ary Paoly dia niala teo aminy. **34** Anefa ny olona sasany niray taminy ka nino; mba naman' izany Dionysio Areopagita sy ny vehivavy anankiray atao hoe Damary ary ny sasany koa.

18 Ary rehefa afaka izany, dia niala tany Atena Paoly ka nankany Korinto. **2** Ary izy nahita Jiosy anankiray atao hoe Akoila, izay teraka tany Ponto, vao avy tany Italia, ary Prisila vadiny (fa Klaodio efa nandidy ny Jiosy rehetra hiala tany Roma), dia nankeo amin' izy mivady Paoly. **3** Ary satria niray raharaha taminy izy, dia nitoetra tao aminy ka niasa; fa ny manao lay no raharahany. **4** Ary niady hevitra isan-tSabata tao amin' ny synagoga izy ka nampanaiky ny Jiosy sy ny jentilisa. **5** Ary rehefa tafidina avy tany Makedonia Silasy sy Timoty, dia voaterin' ny teny Paoly ka nanambara tamin' ny Jiosy fa Jesosy no Kristy. **6** Ary nony nanohitra sy niteny ratsy ireo, dia nanopakopa-damba izy ka nanao taminy hoe: Aoka ho ao an-dohanareo ny ranareo; afaka aho; ary amin' izao sisa izao dia hankany amin' ny jentilisa aho. **7** Ary raha niala teo izy, dia niditra tao an-tranon' ny lehilahy atao hoe Titosy Josto, izay nivavaka tamin' Andriamanitra; ary ny tranony nifanolotra tamin' ny synagoga. **8** Ary Krispo, mpanapaka ny synagoga, mbamin' ny ankohonany rehetra dia nino ny Tompo; ary maro koa ny Korintiana, raha nandre, dia nino ka natao batisa. **9** Ary ny Tompo niteny tamin' i Paoly tamin' ny fahitana nony alina ka nanao hoe: Aza matahotra, fa mitenena ihany, ka aza mangìna; **10** fa Izaho momba anao, ary tsy hisy olona hihazona anao hanisy ratsy anao; fa manana olona maro amin' ity tanàna ity Aho. **11** Ary izy nitoetra teo herintaona sy enim-bolana ka nampianatra ny tenin' Andriamanitra teo aminy. **12** Fa raha Galio no governora tany Akaia dia niray tetika hisambotra an' i Paoly ny Jiosy, ary nitondra azy nankeo amin' ny fitsarana, **13** ka dia nanao hoe: Ilehio mampanaiky ny olona hivavaka amin' Andriamanitra, nefa tsy araka ny lalàna. **14** Ary raha hiloa-bava Paoly, dia hoy Galio tamin' ny Jiosy: Ry Jiosy, raha misy heloka, na zavatra ratsy natao, dia mety raha mandefitra aminareo aho; **15** fa raha ady hevitra sy anarana ary ny lalànareo kosa, dia ataovinareo ihany; fa izaho tsy te-hitsara izany raharaha izany. **16** Ary nandroaka azy hiala teo anoloan' ny fitsarana izy. **17** Ary izy rehetra nisambotra an' i Sostena, mpanapaka ny synagoga, dia nikapoka azy teo anoloan' ny fitsarana. Nefa tsy nahoan' i Galio izany zavatra izany. **18** Ary Paoly mbola nitoetra teo andro maromaro ihany, ary rehefa nanao veloma ny rahalahy izy, dia niondrana an-tsambo nankany Syria, ary Prisila sy Akoila niaraka taminy koa; ny volon-dohany nohetezany tany Kenkrea, satria efa nivoady izy. **19** Ary tonga tany Efesosy izy, dia nandao azy mivady teo Paoly ka lasa niditra tao amin' ny synagoga ka niady hevitra tamin' ny Jiosy. **20** Ary nangataka azy hitoetra elaela kokoa ny olona, fa tsy nety izy, **21** fa nanao veloma azy ka nanao hoe: Mbola hiverina hankatỳ aminareo indray aho, raha sitrapon' Andriamanitra. Dia niondrana an-tsambo niala tany Efesosy izy. **22** Ary rehefa tafatody tany Kaisaria izy, dia niakatra ka niarahaba ny fiangonana vao nidina nankany Antiokia. **23** Ary rehefa nitoetra tao elaela ihany izy, dia lasa nandeha nitety ny tany Galatia sy Frygia ka nampahery ny mpianatra rehetra. **24** Ary tonga tany Efesosy ny Jiosy anankiray atao hoe Apolosy, izay teraka tany Aleksandria, lehilahy nahay nandaha-teny sady nahery tamin' ny Soratra Masìna. **25** Izany lehilahy izany efa nampianarina ny lalan' ny Tompo; ary nafana fo izy, dia niteny sy nampianatra marimarina ny amin' i Jesosy, kanefa ny batisan' i Jaona ihany no fantany. **26** Ary izy niteny tamin' ny fahasahiana teo amin' ny synagoga; ary rehefa nandre azy Prisila sy Akoila, dia nandray azy hankao aminy ka nampianatra azy marimarina kokoa ny amin' ny lalan' Andriamanitra. **27** Ary rehefa ta-handroso hankany Akaia izy, dia namporisika azy ny rahalahy sady nanoratra taratasy ho any amin' ny mpianatra mba handray azy tsara; ary rehefa tonga izy, dia nampahatanjaka tsara izay efa nino noho ny fahasoavana; **28** fa izy nahery nandresy lahatra ny Jiosy teo imason' ny olona ka naneho marimarina tamin' ny Soratra Masìna fa Jesosy no Kristy.

19 Ary raha mbola tany Korinto Apolosy, dia nitety ny tany ambony Paoly ka tonga tany Efesosy, dia nahita mpianatra sasany teo izy **2** ka nanao taminy hoe: Efa noraisinareo va ny Fanahy Masìna, fony vao nino ianareo? Fa ireo nanao taminy hoe: Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masìna. **3** Ary hoy Paoly: Ho amin' inona ary no nanaovana batisa anareo? Dia hoy ireo: Ho amin' ny batisan' i Jaona. **4** Fa hoy Paoly: Jaona nanao ny batisan' ny fibebahana ka nilaza tamin' ny olona hino Izay ho avy manaraka azy, dia Jesosy. **5** Ary raha nahare izany izy, dia natao batisa ho amin' ny anaran' i Jesosy Tompo. **6** Ary rehefa nametrahan' i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masìna; ary niteny tamin' ny teny tsy fantatra izy sady naminany. **7** Ary tokony ho roa ambin' ny folo lahy no isan' izy rehetra. **8** Ary Paoly niditra tao amin' ny synagoga ka niteny tamin' ny fahasahiana, dia niady hevitra telo volana ka nampanaiky ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra. **9** Fa raha nikiribiby ny sasany ka tsy nanaiky, fa niteny ratsy izany fampianarana izany teo imason' ny olona maro, dia niala tamin' ireo izy ka nitondra ny mpianatra nitokana, dia niady hevitra isan' andro tao amin' ny trano fampianaran' i Tyrano. **10** Ary naharitra roa taona ngarangidina izany, ka dia nandre ny tenin' ny Tompo izay rehetra nonina tany Asia, na Jiosy na jentilisa. **11** Ary ny tànan' i Paoly no nanaovan' Andriamanitra fahagagana lehibe maro, **12** ka dia ny mosara sy ny fiaron' akanjo teny aminy no nentina hatao amin' ny marary, dia sitrana ny aretiny, ary nivoaka ny fanahy ratsy. **13** Ary nisy Jiosy sasany, mpiriorio mamoaka fanahy ratsy, izay ninia nanonona ny anaran' i Jesosy Tompo koa teo ambonin' ny manana fanahy ratsy ka nanao hoe: Mampianiana anareo amin' i Jesosy Izay torin' i Paoly aho. **14** Ary nisy fito mirahalahy, zanak' i Skeva, Jiosy, lohan' ny mpisorona, izay nanao izany. **15** Ary ny fanahy ratsy namaly ka nanao taminy hoe: Fantatro Jesosy, ary fantatro koa Paoly; fa mba iza kosa moa ianareo? **16** Ary ny lehilahy izay nanana ny fanahy ratsy dia niantsambotra tamin' ireo ary nahery ka naharesy azy roa lahy, dia nandositra niala tamin' izany trano izany ireo sady nitanjaka no voaratra. **17** Ary fantatry ny Jiosy sy ny jentilisa rehetra izay nonina tany Efesosy izany; dia raiki-tahotra ny olona rehetra ka nankalaza ny anaran' i Jesosy Tompo. **18** Ary maro izay nino dia tonga ka niaiky sy nilaza ny asany. **19** Ary maro ny mpanao ody no nanangona ny bokiny ka nandoro azy teo

imason' ny olona rehetra; ary nony voatontaly ny tokombidiny, dia hita fa volafotsy dimy alina izany. **20** Fatratra toy izany no fandroson' ny tenin' Andriamanitra sy ny heriny. **21** Ary rehefa vita izany zavatra izany, Paoly dia nikasa tao am-pony handeha hamaky an' i Makedonia sy Akaia aloha vao hankany Jerosalema ka nanao hoe: Rehefa tonga any aho, dia tsy maintsy hahita an' i Roma koa. **22** Ary ny roa lahy tamin' izay nanompo ary, dia Timoty sy Erasto, no nirahiny nankany Makedonia; fa izy mbola nitoetra tany Asia andro vitsivitsy kosa. **23** Ary tamin' izany andro izany dia nisy tabataba be ihany ny amin' izany fampianarana izany. **24** Fa nisy lehilahy anankiray atao hoe Demetrio, mpanefy volafotsy, izay nanao sarin' ny tempolin' i Diana tamin' ny volafotsy, dia nampahazo harena be ny mpanefy; **25** ireny mbamin' ny mpanao zavatra hafa koa toy izany dia nantsoiny hiangona ka nilazany hoe: Tompokolahy, fantatrareo fa amin' izao tao-zavatra izao no ahazoantsika harena. **26** Ary hitanareo sy renareo fa tsy eto Efesosy ihany, fa saiky manerana an' i Asia rehetra dia mitaona olona betsaka izany Paoly izany ka mampivily ny samy manao hoe: Tsy Andriamanitra izay zavatra nataon-tanana. **27** Ka dia tsy izao raharahantsika izao ihany no ahina hatao ho zava-poana; fa ny tempolin' i Diana, andriamanibavy lehibe, dia hatao tsinontsinona koa aza, ka ho afaboninahitra ilay ivavahan' i Asia rehetra sy izao tontolo izao. **28** Ary rehefa nandre izany izy ireo, dia tezitra loatra ka niantso hoe: Lehibe Dianan' ny Efesiana! **29** Ary nanerana ny tanàna ny tabataba; ary rehefa nisarika an' i Gaio sy Aristarko, lehilahy Makedoniana niara-dia tamin' i Paoly, izy, dia niray saina niriotra ho ao an-trano filalaovana. **30** Ary raha te-hiditra ho any amin' ny olona Paoly, dia tsy navelan' ny mpianatra. **31** Ary ny lehibe sasany tany Asia, izay sakaizany, dia nampitondra teny nananatra azy mba tsy ho sahy hiditra ao an-trano filalaovana. **32** Ary ny sasany niantso zavatra iray, ary ny sasany kosa zavatra hafa; fa nihorikorika ny olona vory; koa ny ankamaroany tsy nahalala izay anton' ny niangonany teo. **33** Ary nisy nisarika an' i Aleksandro avy teo amin' ny vahoaka, fa ny Jiosy nanesika azy handroso. Ary Aleksandro nanofa tanana, fa ta-handaha-teny hiala tsiny tamin' ny olona. **34** Fa rehefa fantatry ny olona fa Jiosy, izy dia niredona niantso tokony ho ora roa izy rehetra hoe: Lehibe Dianan' ny Efesiana! **35** Ary ny mpitahiry ny didy dia nampangina ny olona ka nanao hoe: Ry lehilahy Efesiana, iza no olona tsy mahalala fa ny tanànan' ny Efesiana no mpitahiry an' i Diana lehibe sy ny sarin-javatra izay latsaka avy tamin' i Jopitera? **36** Ary satria tsy azo toherina izany, dia tokony hangina ianareo ka tsy hanao na inona na inona ankamehana. **37** Fa nentinareo etỳ ireo lehilahy ireo, izay tsy nandroba tempoly, na niteny ratsy ny andriamanitsika. **38** Koa raha manan-teny hifamaliana amin' olona Demetrio sy ny mpanefy izay momba azy, aoka hifandahatra izy, fa misy ihany ny andro hitsarana, ary ao ihany koa ireo governora. **39** Fa raha mitady zavatra hafa kosa ianareo, dia hotsaraina amin' izay fivoriana voatendrin' ny lalàna. **40** Fa andrao ampangaina isika noho ny tabataba tsy misy antony izay niseho androany, ka tsy hita izay hilazantsika izao fampitairana izao. **41** Ary rehefa nilaza izany izy, dia nampirava ny olona vory teo.

20 Ary rehefa nitsahatra ny tabataba, dia nampaka ny mpianatra Paoly ka nananatra azy sy nanao veloma azy, dia lasa nankany Makedonia izy. **2** Ary rehefa nitety izany tany izany sy nananatra ny olona tamin' ny teny maro izy, dia tonga tany Grisia. **3** Ary nony efa nitoetra telo volana teo izy ka efa hiondrana an-tsambo hankany Syria, ary nisy Jiosy nanotrika azy, dia niova hevitra izy ka lasa niverina namaky an' i Makedonia. **4** Ary niaraka taminy hatrany Asia Sopatera, zanak' i Pyro, avy any Beria, ary Aristarko sy Sekondo avy any Tesalonika, ary Gaio avy any Derbe, ary Timoty, ary Tykiko sy Trofimo avy any Asia. **5** Ireo dia efa nialoha ka niandry anay tany Troasy. **6** Dia niondrana an-tsambo niala tany Filipy izahay, rehefa tapitra ny andro fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, dia nankany aminy tany Troasy izahay nony afaka hadimiana; ary tany no nitoeranay hafitoana. **7** Ary tamin' ny andro voalohany amin' ny herinandro, rehefa niangona hamaky mofo izahay, Paoly dia nitori-teny taminy, fa nikasa handeha maraina izy; dia naharitra nitori-teny mandra-paha-mamatonalina izy. **8** Ary nisy jiro maro teo an-trano ambony izay niangonanay. **9** Ary nisy zatovo anankiray atao hoe Eotyka nipetraka teo am-baravarankely ka sondrian-tory; ary raha naharitra ela ny toritenin' i Paoly, dia niraika noho ny torimaso ilay zatovo ka nianjera tamin' ny tany avy eny amin' ny rihana intelo mifanongoa, ary nony narenina izy, dia indro fa efa maty. **10** Ary Paoly nidina, dia niankohoka taminy sy nanohona azy ka nanao hoe: Aza mihorikorika ianareo, fa mbola misy aina ihany izy. **11** Ary niakatra Paoly, dia namaky ny mofo, ary rehefa nihinana sy niresaka ela ambara-pahamarain' ny andro izy, dia lasa nandeha. **12** Ary nitondra ilay zatovo efa velona izy ireo ka faly dia faly. **13** Ary izahay nialoha ho any an-tsambo, dia niondrana nankany Aso, fa eo no handraisana an' i Paoly, satria eo no fotoana nataony, fa nikasa handeha an-tanety izy. **14** Ary rehefa nihaona taminay tany Aso izy, dia noraisinay, ary dia lasa nankany Mitylena izahay. **15** Ary rehefa niondrana an-tsambo niala teo izahay, dia tonga tandrifin' i Kio nony ampitso; ary nony ampitso indray dia niantsona tao Samo; ka tonga tany Mileto izahay nony ampitson' iny. **16** Fa Paoly efa nikasa handeha an-tsambo handalo any Efesosy mba tsy hitoerany ela any Asia; fa maika izy, raha azony hatao, hamonjy ny andro Pentekosta any Jerosalema. **17** Ary raha tany Mileto Paoly, dia naniraka hankany Efesosy izy ka nampaka ny loholon' ny fiangonana hankeo aminy. **18** Ary nony tonga teo aminy ireo, dia hoy izy taminy: Fantatrareo hatramin' ny andro voalohany nahatongavako teto Asia izay toetry ny fitondran-tenako taminareo tamin' izany andro rehetra izany, **19** dia ny nanompoako ny Tompo tamin' ny fanetrentena rehetra sy ny ranomaso ary ny fakam-panahy izay nanjo ahy tamin' ny fanotrehan' ny Jiosy, **20** ka tsy mba nafeniko izay mahasoa, fa nambarako sy nampianariko anareo teo imason' ny olona ary tao amin' ny isan-trano; **21** ary nambarako tamin' ny Jiosy sy ny jentilisa koa ny fibebahana amin' Andriamanitra sy ny finoana an' i Jesosy

Kristy Tompontsika. **22** Ary ankehitriny, indro, terỳ ampanahy hankany Jerosalema aho, nefa tsy fantatro izay hanjo ahy any, **23** afa-tsy izay ambaran' ny Fanahy Masìna amiko amin' ny isan-tanàna, fa hisy famatorana sy fahoriana hanjo ahy. **24** Nefa tsy ataoko ho zavatra akory ny aiko, mba hahavita ny alehako, dia ny fanompoana izay noraisiko tamin' i Jesosy Tompo hanambara ny filazantsaran' ny fahasoavan' Andriamanitra. **25** Ary, indro, ankehitriny fantatro fa tsy hahita ny tavako intsony ianareo rehetra izay nalehako nitoriako ny fanjakana. **26** Koa manambara aminareo aho anio fa afaka amin' ny ranareo rehetra aho. **27** Fa tsy nafeniko anareo, fa notoriko taminareo avokoa ny saina rehetra natolotr' Andriamanitra. **28** Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaovan' ny Fanahy Masìna anareo ho mpitandrina', hiandrasanareo ny fiangonan Andriamanitra, izay novidiny tamin' ny ràny. **29** Fantatro fa rehefa lasa aho dia hisy amboadia masiaka hiditra eo aminareo izay tsy hiantra ny ondry. **30** Ary avy aminareo no hiposahan' ny olona sasany mitory teny tsy marina hitaona ny mpianatra hanaraka azy. **31** Koa miambena, ary tsarovy fa telo taona mipaka aho tsy nitsahatra nananatra anareo rehetra andro aman' alina tamin' ny ranomaso. **32** Ary ankehitriny izaho manolotra anareo ho amin' Andriamanitra sy ho amin' ny tenin' ny fahasoavany, izay mahay mampandroso sy manome lova anareo eo amin' izay rehetra nohamasinina. **33** Tsy mba naniry volafotsy na volamena na lamban' olona aho. **34** Fa fantatrareo ihany fa ireto tanako ireto no niasa mba hahazoako sy ny niaraka tamiko izay nilainay. **35** Efa nasehoko anareo tamin' ny zavatra rehetra fa tokony hiasa toy izany koa ianareo, mba hiantra ny mahantra ka hahatsiaro ny tenin' i Jesosy Tompo, izay manao hoe: Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray. **36** Ary rehefa niteny izany izy, dia nandohalika teo ka niaranivavaka tamin' izy rehetra. **37** Ary nitomany mafy izy rehetra, dia namihina ny vozon' i Paoly ka nanoroka azy, **38** sady nalahelo loatra noho ny nilazany fa tsy hahita ny tavany intsony izy. Dia nanatitra azy teny an-tsambo izy.

21 Ary rehefa tafasarika taminy izahay, dia niondrana antsambo ka nizotra nankany Kosy; ary nony ampitso dia tonga tao Rodo, dia niala tao nankany Patara; **2** ary nony nahita sambo nita ho any Foinika izahay, dia nifindra sambo teo ka lasa nandeha. **3** Ary nony nahatsinjo an' i Kyprosy izahay, dia nandalo azy tamin' ny ankavia ka nankany Syria, dia niantsona tao Tyro; fa tao no notaterina ny entan' ny sambo. **4** Ary nony nitady ny mpianatra izahay ka nahita azy, dia nitoetra teo hafitoana; ary izy ireo dia voatsindrin' ny Fanahy hilaza amin' i Paoly mba tsy hiakatra any Jerosalema. **5** Ary rehefa tapitra izany andro izany, dia niala izahay ka lasa nandeha; ary izy rehetra mbamin' ny vadiny aman-janany dia nanatitra anay hatrany ivelan' ny tanàna; ary nandohalika teo amoron-dranomasina izahay ka nivavaka; **6** ary rehefa nifanao veloma izahay, dia nirotsaka an-tsambo; fa izy ireo kosa niverina nody. **7** Ary ny niafaran' ny nandehananay an-tsambo dia tany Tolemaia, rehefa avy tany Tyro; ary niarahaba ny rahalahy izahay ka nitoetra teo aminy indray andro. **8** Ary nony ampitso dia niala teo izahay ka tonga tany Kaisaria ary niditra tao an-tranon' i Filipo evanjelista, izay anankiray tamin' izy fito lahy, dia nitoetra tao aminy izahay. **9** Ary izany lehilahy izany dia nanana zanakavavy virijina efatra izay naminany. **10** Ary raha nitoetra tao andro maro izahay, dia nisy mpaminany anankiray atao hoe Agabo nidina avy tany Jodia. **11** Ary rehefa tonga tao aminay izy, dia noraisiny ny fehin-kibon' i Paoly, ka namatorany ny tongotra aman-tànan' ny tenany, dia hoy izy; Izao no lazain' ny Fanahy Masìna: Toy izao no hamatoran' ny Jiosy any Jerosalema ny lehilahy tompon' ity fehin-kibo ity, ka hatolony ho eo an-tànan' ny jentilisa izy. **12** Ary raha vao renay izany, dia nangataka taminy izahay mbamin' izay nonina teo mba tsy hiakarany any Jerosalema. **13** Fa Paoly namaly ka nanao hoe: Nahoana ianareo no mitomany ka mampangorakoraka ny foko? Fa vonona aho tsy ny hafatotra ihany, fa ny ho faty any Jerosalema koa aza mba ho voninahitry ny anaran' i Jesosy Tompo. **14** Ary nony tsy nanaiky izy, dia nitsahatra izahay ka nanao hoe: Aoka ny sitrapon' ny Tompo no hatao. **15** Ary rehefa afaka izany andro izany, dia nifehy entana izahay ka niakatra nankany Jerosalema. **16** Dia niaraka taminay koa ny mpianatra sasany avy tany Kaisaria, izay nitondra anay ho any amin' i Menasona, olona avy any Kyprosy sady mpianatra maintimolaly, izay nokasainay hitoerana. **17** Ary nony tonga tany Jerosalema izahay, dia nandray anay tamin' ny fifaliana ny rahalahy. **18** Ary nony ampitso dia niara-niditra tany amin' i Jakoba izahay sy Paoly; ary vory teo ny loholona rehetra. **19** Ary rehefa niarahaba azy Paoly, dia nilaza tsirairay ny zavatra rehetra izay efa nampanaovin' Andriamanitra azy tany amin' ny jentilisa izy. **20** Ary rehefa nandre izany ireo, dia nankalaza an' Andriamanitra; ary hoy koa izy tamin' i Paoly: Hitanao, rahalahy, fa tsy omby alinalina ny Jiosy izay efa mino; ary fatra-pitàna ny lalàna izy rehetra, **21** sady efa novokisan' olona ny aminao, fa ianao, hono, mampianatra ny Jiosy rehetra izay any amin' ny jentilisa hahafoy an' i Mosesy ka mandrara azy tsy hamora ny zaza na hanaraka ny fanaon-drazana. **22** Ahoana ary no izy? Tsy maintsy ho reny ny nahatongavanao. **23** Ary noho izany dia ataovy izao lazainay aminao izao: Misy efa-dahy etỳ izay nivoady; **24** raiso ireo ka manadiova ny tenanao miaraka aminy, ary mandoava ny vola ho lany mba hanaratany ny lohany, ka dia ho fantatry ny olona rehetra fa tsinontsinona izay zavatra namokisana azy ny aminao, fa ianao aza mandeha manaraka ny lalàna kosa. **25** Fa ny amin' ny jentilisa izay efa mino, dia efa nampitondra epistily izahay nandidy azy hifady ny hena aterina amin' ny sampy sy ny rà sy ny zavatra kendaina ary ny fijangajangana. **26** Dia noraisin' i Paoly ireo lehilahy ireo, ary nony ampitso dia nanadio ny tenany niaraka taminy izy ka niditra teo an-kianjan' ny tempoly, nanambara ny fahatanterahan' ny andro fahadiovana mandra-panatitra ny fanatitra ho an' ny isan-dahy. **27** Ary rehefa ho tapitra ny hafitoana, dia nahita an' i Paoly teo an-kianjan' ny tempoly ny Jiosy avy tany Asia, ka nampikotaba ny vahoaka rehetra izy sady nisambotra an' i Paoly, **28** ka dia niantso hoe: Avia, ry lehilahy Isiraely, fa io no lehilahy mampianatra ny olona rehetra ombieniombieny

manohitra ny olona Isiraely sy ny lalàna sy ity fitoerana ity, sady nampiditra jentilisa teo an-kianjan' ny tempoly izy ka nandoto ity fitoerana masìna. **29** (fa efa hitany rahateo fa niaraka taminy tao an-tanàna Trofimo Efesiana, ka nataony fa nampidirin' i Paoly teo an-kianjan' ny tempoly izy). **30** Dia nifanaritaka be ihany ny tao an-tanàna rehetra, ka nihazakazaka nivory ny olona; ary Paoly dia nosamboriny ka nosarihany hiala eo an-kianjan' ny tempoly; ary niaraka tamin' izay dia narindrina ny vavahady. **31** Ary raha nitady hamono azy ny olona, dia nisy teny nakarina tany amin' ny mpifehy arivo tamin' ny antokon' ny miaramila nilaza fa mikotaba avokoa Jerosalema rehetra; **32** ary niaraka tamin' izay dia naka miaramila sy kapiteny izy ka nihazakazaka nidina nankeo aminy; ary raha nahita ny mpifehy arivo sy ny miaramila ny olona, dia nitsahatra tsy nikapoka an' i Paoly. **33** Ary ny mpifehy arivo nanakaiky, dia nisambotra azy ka nandidy hamatotra ary tamin' ny gadra roa, dia nanontany hoe: Iza moa izy, ary inona moa no nataony? **34** Ary ny sasany tamin' ny olona maro niantso mafy nilaza zavatra iray, ary ny sasany kosa zavatra hafa; ary rehefa tsy azony nofantarina izay marina noho ny fikotranana, dia nasainy nentina ho any anati-rova Paoly. **35** Ary rehefa tonga teo amin' ny ambaratonga izy, dia nobetain' ny miaramila noho ny fifanosehan' ny olona; **36** fa ny olona maro nanaraka ka niantso hoe: Vonoy ilehio! **37** Ary rehefa nentiny tany anati-rova Paoly, dia hoy izy tamin' ny mpifehy arivo: Mahazo miteny aminao va aho? Dia hoy izy: Mahay teny Grika va ianao? **38** Moa tsy ianao va ilay Egyptiana, izay nampikomy ny olona fahiny ka nitarika ny efatra arivo lahy mpitondra lefom-pohy nankany an-efitra? **39** Fa hoy Paoly: Izaho Jiosy avy any Tarsosy any Kilikia, tompon-tany amin' izay tanàna tsy kely laza; koa trarantitra ianao, aoka aho mba hiteny amin' ny olona. **40** Ary Paoly, rehefa navelany, dia nitsangana teo amin' ny ambaratonga ka nanofa tanana tamin' ny olona. Ary rehefa nangina tsara ny olona, dia niteny mafy tamin' ny teny Hebreo izy ka nanao hoe:

22 Ry rahalahy sy ianareo ray henoy ny teny halahatro aminareo ankehitriny hanala tsiny ny tenako. **2** Ary nony ren' ny olona fa teny Hebreo no nitenenany taminy, dia mainka nangina izy; ary hoy Paoly: **3** Izaho lehilahy Jiosy, teraka tany Tarsosy any Kilikia, fa teto amin' ity tanàna ity no nahabe ahy teo anilan' ny tongotr' i Gamaliela, dia nampianarina tsara ny lalàna avy tamin' ny razana aho, ary nazoto indrindra ho an' Andriamanitra tahaka anareo rehetra ankehitriny. **4** Nanenjika izay nanaiky izany fampianarana izany aho hatramin' ny mahafaty azy aza, dia namatotra azy, na lahy na vavy, ka nanolotra azy hatao an-tranomaizina; **5** ary ny mpisoronabe sy ny loholona rehetra no vavolombeloko, sady izy no nandraisako taratasy ho amin' ny rahalahy, dia nankany Damaskosy aho, mba ho entiko am-patorana hankany Jerosalema koa izay hita teo, mba hampijalina. **6** Ary raha nandeha aho ka mby teo akaiky an' i Damaskosy, tamin' ilay antoandrobe iny, dia nisy mazava lehibe nanelatrelatra tampoka avy tany an-danitra manodidina ahy; **7** dia lavo tamin' ny tany aho ka nandre feo nilaza tamiko hoe: Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy? **8** Ary izaho namaly hoe: Iza moa Hianao, Tompoko? Dia hoy Izy tamiko: Izaho no Jesosy avy any Nazareta, Izay enjehinao. **9** Ary izay niaraka tamiko dia nahita ny mazava; nefa tsy mba nahare ny feon' izay niteny tamiko izy. **10** Ary hoy izaho: Tompoko, inona no hataoko? Dia hoy ny Tompo tamiko: Mitsangana, ka mandehana ho any Damaskosy; fa any no holazaina aminao izay rehetra voatendry hataonao. **11** Ary raha tsy nahajery aho noho ny famirapiratan' izany mazava izany, dia notantanan' ireo niaraka tamiko aho, ka dia tonga tany Damaskosy. **12** Ary ny lehilahy anankiray atao hoe Ananiasy, mpivavaka manaraka ny lalàna sady tsara laza teo amin' ny Jiosy rehetra izay nonina teo, **13** dia nanatona ahy ary nitsangana ka nanao tamiko hoe: Ry Saoly rahalahy, mahirata. Ary tamin' izany ora izany dia nahiratra aho ka nahita azy. **14** Ary hoy izy: Andriamanitry ny razantsika efa nanendry anao hahafantatra ny sitrapony sy hahita ny Iray Marina ary hihaino ny teny aloaky ny vavany; **15** fa ho vavolombelony amin' ny olona rehetra ianao ny amin' izay efa hitanao sy renao. **16** Ary ankehitriny inona no mampijanona anao? Mitsangàna, miantsoa ny anarany, ary aoka hatao batisa ianao ka hosasana ho afaka amin' ny fahotanao. **17** Ary rehefa tonga tany Jerosalema indray aho ka nivavaka teo an-kianjan' ny tempoly, dia azon-tsindrimandry **18** ka nahita Azy milaza amiko hoe: Maladia ianao, ka mivoaha faingana an' i Jerosalema; fa tsy handray ny fanambaranao Ahy izy. **19** Dia hoy izaho: Tompoko, izy ireo mahalala fa ny mino Anao dia nataoko tao an-tranomaizina sady nokapohiko tao amin' ny synagoga rehetra; **20** ary raha nalatsaka ny ran' i Stefana martioranao, izaho koa dia mba nitsangana teo ka nanaiky sady nitandrina ny fitafian' izay namono azy. **21** Ary hoy Izy tamiko: Mandehana, fa Izaho haniraka anao handeha lavitra any amin' ny jentilisa. **22** Ary ny olona nihaino azy hatramin' izany teny izany, dia nanandratra ny feony ka nanao hoe: Esory amin' ny tany ilehio, fa tsy tokony hovelomina izy! **23** Ary raha niantso sy niala lamba ary nanipy vovoka ho amin' ny rivotra izy, **24** dia nasain' ny mpifehy arivo ho entina any anati-rova Paoly, ary nasainy hadinina amin' ny kapoka, mba hahafantarany izay fototry ny nanakoran' ny olona azy toy izany. **25** Ary raha namatotra azy tamin' ny kofehy hoditra izy, dia hoy Paoly tamin' ny kapiteny izay hitsangana teo: Mety aminareo va ny mikapoka lehilahy Romana izay tsy mbola nohelohina? **26** Ary ny kapiteny, nony nahare, dia lasa nilaza tamin' ny mpifehy arivo ka nanao hoe: Inona izao hataonao izao? fa Romana io lehilahy io. **27** Dia nankeo aminy ny mpifehy arivo ka nanao taminy hoe: Lazao amiko: Romana va ianao? Dia hoy izy: Eny. **28** Ary ny mpifehy arivo namaly hoe: Vola be no nahazoako izany voninahitra izany. Fa hoy Paoly: Izaho kosa efa nanana izany hatry ny fony vao teraka. **29** Dia nandao azy faingana ireo olona efa hanadina azy; ary ny mpifehy arivo natahotra koa, rehefa nahalala azy fa Romana, satria efa nampamatotra azy izy. **30** Ary nony ampitso, satria ta-hahafantatra marina izay niampangan' ny Jiosy azy ny mpifehy arivo, dia namaha azy, ary nasainy niangona ny lohan' ny mpisorona sy ny Synedriona rehetra, ary Paoly nentiny nidina ka nampitoeriny teo anatrehany.

23 Ary Paoly dia nibanjina ny Synedriona ka nanao hoe: Ry rahalahy, izaho nanompo an' Andriamanitra tamin' ny fieritreretana tsara mandraka androany. **2** Ary Ananiasy mpisoronabe nandidy izay nitsangana teo hamely ny vavany. **3** Ary hoy Paoly taminy: Andriamanitra mba hamely anao, ry rafi-bato voalalotra fotsy; fa ianao va mipetraka hitsara ahy araka ny lalàna, nefa asainao kapohina tsy araka ny lalàna aho? **4** Ary izay nitsangana teo dia nanao hoe: Tevatevainao va ny mpisoronaben' Andriamanitra? **5** Ary hoy Paoly: Tsy fantatro fa mpisoronabe izy, ry rahalahy; fa voasoratra hoe: Aza miteny ratsy ny mpanapaka ny firenenao. **6** Ary rehefa fantatr' i Paoly fa Sadoseo ny sasany, ary ny sasany kosa Fariseo, dia niantso teo amin' ny Synedriona izy ka nanao hoe: Ry rahalahy, izaho dia Fariseo, zanaky ny Fariseo; ny amin' ny fanantenana sy ny fitsanganan' ny maty no itsarana ahy. **7** Ary rehefa nilaza izany izy, dia nifanditra ny Fariseo sy ny Sadoseo, ka nizara roa toko ny olona maro. **8** Fa ny Sadoseo manao hoe: Tsy misy fitsanganan' ny maty, sady tsy misy anjely na fanahy; fa ny Fariseo kosa manaiky izany avokoa. **9** Ary nisy antsoantso maharenina teo, ary ny mpanora-dalàna sasany, izay isan' ny antoko atao hoe Fariseo, nitsangana dia niady hevitra ka nanao hoe: Tsy hitanay izay helok' io lehilahy io; fa sao fanahy na anjely no niteny taminy. **10** Ary rehefa nitabataba be ihany izy, dia natahotra ny mpifehy arivo, fandrao hifandroritan' ny olona Paoly ka ho samatsamaka, dia nasainy nidina ny miaramila mba haka azy an-keriny hiala teo ampovoany ary mba hitondra azy ho any anati-rova. **11** Ary ny Tompo nitsangana teo anilany tamin' iny alina iny ka nanao hoe: Matokia, fa tahaka ny nanambaranao Ahy tany Jerosalema no mbola hanambaranao Ahy any Roma koa. **12** Ary nony maraina dia niray tetika ny Jiosy ka niozona sy nianiana fa tsy hihinana na hisotro izy ambara-pamonony an' i Paoly. **13** Ary tsy omby efa-polo no niray tetika nanao izany. **14** Ary izy nankany amin' ny mpisoronabe sy ny loholona ka nanao hoe: Efa niozona sy nianiana izahay fa tsy hanandran-javatra na inona na inona ambara-pamononay an' i Paoly. **15** Koa ankehitriny dia milazà amin' ny mpifehy arivo ianareo sy ny Synedriona mba hampidina azy hankatỳ aminareo, mody ta-hamototra azy marimarina kokoa ny amin' izay nataony; ary izahay kosa dia efa vonona hamono azy, dieny tsy mbola mby akaiky izy. **16** Ary nony ren' ny zanak' anabavin' i Paoly ny fanotrehana, dia lasa nankany anati-rova izy ka nilaza tamin' i Paoly. **17** Ary Paoly niantso ny kapiteny anankiray hankeo aminy ka nanao hoe: Ento mankany amin' ny mpifehy arivo ity zatovo ity, fa manan-teny holazaina aminy izy. **18** Koa dia nandray azy ilay kapiteny ka nitondra azy ho any amin' ny mpifehy arivo, dia nanao hoe: Paoly mpifatotra niantso ahy hankeo aminy ka nangataka ahy hitondra ity zatovo ity hanketo aminao, fa manan-teny holazaina aminao, hono, izy. **19** Ary ny mpifehy arivo nitantana azy, ary nony efa nitokana tao amin' ny mangingina izy, dia nanontaniany hoe: Inona moa no teny holazainao amiko? **20** Dia hoy ilay zatovo: Ny Jiosy efa nifanaiky hangataka aminao hampidina an' i Paoly ho any amin' ny Synedriona rahampitso, mody ta-hanadina azy marimarina kokoa. **21** Koa aza manaiky azy ianao, fa misy tsy omby efa-polo lahy izy manotrika hisambotra an' i Paoly, ka efa niozona sy nianiana izy fa tsy hihinana na hisotro ambara-pamonony azy; ary efa vonona izy ankehitriny ka miandry ny teny avy aminao. **22** Ary ny mpifehy arivo nampandeha ilay zatovo ka nandidy azy hoe: Aza milaza amin' olona fa efa nilaza izany tamiko ianao. **23** Ary niantso kapiteny roa lahy hankeo aminy izy ka nanao hoe: Manomàna miaramila roan-jato lahy sy an-tsoavaly fito-polo ary mpiloka lefona roan-jato hankany Kaisaria anio alina amin' ny ora fahatelo; **24** ary itondray biby koa hitaingenan' i Paoly hitondra azy soa aman-tsara ho any amin' i Feliksa mpanapaka. **25** Ary izy nanoratra taratasy nisy izao teny izao: **26** Klaodio Lysia miarahaba an' i Feliksa, mpanapaka tsara indrindra. **27** Ity lehilahy ity dia nosamborin' ny Jiosy ka efa saiky novonoiny; fa nony fantatro fa Romana izy, dia nitondra ny miaramila aho ka namonjy azy. **28** Ary satria ta-hahalala tsara izay niampangany azy aho, dia nentiko nidina ho eo amin' ny Synedriona izy; **29** dia hitako fa ady hevitra ny amin' ny lalàny no niampangany azy, fa tsy nisy niampangany azy izay tokony hahafaty na hamatorana azy. **30** Ary rehefa voalaza tamiko fa nisy nikasa hanotrika hisambotra an-dralehilahy, dia naniraka faingana hitondra azy aminao aho, ary ny mpiampanga koa nasaiko hilaza atỳ anatrehanao izay iampangany azy. **31** Dia nalain' ny miaramila Paoly araka ny nandidiana azy ka nentiny tamin' iny alina iny ho any Antipatria. **32** Ary nony ampitso dia navelany handeha hiaraka aminy ny an-tsoavaly, fa izy kosa niverina ho any anati-rova. **33** Rehefa tonga tany Kaisaria ireo, dia nanolotra ny taratasy tamin' ny mpanapaka sady nanolotra an' i Paoly ho eo anatrehany koa. **34** Ary rehefa novakiny ilay taratasy, dia nanontany izay zara-fanapahana nihaviany izy; ary rehefa fantany fa avy tany Kilikia izy, **35** dia hoy izy: Hihaino tsara ny teninao aho, rehefa tongay ny mpiampanga anao. Dia nasainy nambenana tao an-dapan' i Heroda izy.

24 Ary rehefa afaka hadimiana dia nidina Ananiasy mpisoronabe mbamin' ny loholona sasany sy Tertylo, mpandaha-teny anankiray, izay nanambara tamin' ny mpanapaka ny niampangany an' i Paoly. **2** Ary rehefa nantsoina izy, dia niampanga azy Tertylo ka nanao hoe: **3** Hianao no ahazoanay fiadanana lehibe, ary ny fitondranao efa nampandry tsara ity firenena ity; koa raisinay amin' ny fankasitrahana mandrakariva eny tontolo eny izany, ry Feliksa tsara indrindra ô. **4** Fa mba tsy hanahirana anao ela loatra aho, trarantitra ianao, henoy kely amin' ny faharetana izahay. **5** Fa io lehilahy io dia hitanay fa tena ratsy fanahy sady mpampikomy ny Jiosy rehetra eny tontolo eny, ary izy no tari-dalan' ilay antoko atao hoe Nazarena. **6** Izy io koa nitady handoto ny tempoly; dia nosamborinay izy; **8** ary rehefa manadina azy ianao, dia ho fantatrao marina izay rehetra iampanganay azy. **9** Ary ny Jiosy koa dia nanaiky sy nilaza fa izany no izy. **10** Ary rehefa notondroin' ny mpanapaka hiteny Paoly, dia namaly ka nanao hoe: Fantatro fa ianao dia efa mpitsara ela tamin' ity firenena ity, ka dia faly aho handaha-teny hanala tsiny ny tenako;

11 fa azonao fantarina mora fa tsy mba mihoatra noho ny roa ambin' ny folo andro izay no niakarako hivavaka tany Jerosalema. **12** Ary tsy nisy nahita ahy niady hevitra tamin' olona teo an-kianjan' ny tempoly na nampitabataba ny vahoaka tao amin' ny synagoga, na tao an-tanàna; **13** ary tsy hainy hamarinina eto anatrehanao izay zavatra iampangany ahy ankehitriny. **14** Fa izao no ekeko aminao, fa araka ny fampianarana izay ataony hoe fitokoana no anompoako an' Andriamanitry ny razako, sady inoako izay rehetra voasoratra eo amin' ny lalàna sy ny mpaminany, **15** ary manantena amin' Andriamanitra aho, izay antenain' izy ireo koa, fa hisy fitsanganan' ny marina sy ny meloka. **16** Ary amin' izany dia mikely aina koa aho mba hanana fieritreretana tsy manameloka ahy na amin' Andriamanitra na amin' olombelona mandrakariva. **17** Ary nony afaka taona maro, dia tonga aho hitondra fiantrana sy fanatitra ho an' ny fireneko. **18** Ary tamin' izay dia hitany voadio teo an-kianjan' ny tempoly aho, tsy tamin' ny olona maro anefa, na tamin' ny fitabatabana; fa nisy Jiosy sasany avy any Asia, **19** — tokony hiseho eto anatrehanao ireo mba hiampanga ahy, raha tàhiny misy izay hiampangany ahy. **20** Na aoka ireto olona ireto ihany no hilaza izay ratsy hitany raha nitsangana teo anatrehan' ny Synedriona aho, **21** afa-tsy izao teny iray loha izao ihany, dia ilay nantsoiko raha nijanona teo afovoany aho hoe: Ny amin' ny fitsanganan' ny maty no itsarana ahy eto anatrehanareo anio. **22** Ary satria fantatr' i Feliksa tsaratsara kokoa ny amin' izany fampianarana izany, dia nampandeha azy rehetra izy aloha ka nanao hoe: Rehefa tafidinay Lysia, mpifehy arivo, dia hofotorako tsara ny raharahanareo. **23** Ary izy nandidy ny kapiteny hiambina an' i Paoly sy hamela azy hitsangantsangana ary tsy handrara olona na dia iray akory aza amin' ny sakaizany izay ho avy hanompo azy. **24** Ary rehefa afaka andro vitsivitsy, dia tonga Feliksa sy Drosila vadiny, vehivavy Jiosy, dia nampaka an' i Paoly izy ka nihaino azy nitory ny finoana an' i Kristy Jesosy. **25** Ary raha nitory ny amin' ny fahamarinana sy ny fahononana ary ny fitsarana ho avy izy, dia raiki-tahotra Feliksa ka namaly hoe: Mandehana angaloha; fa raha malalaka, dia hampaka anao indray aho. **26** Sady nanantena koa izy fa homen' i Paoly vola; ka dia nampaka azy matetika izy ka niresaka taminy. **27** Ary rehefa afaka roa taona, dia Porsio Festosy no nandimby an' i Feliksa; ary Feliksa ta-hahazo sitraka tamin' ny Jiosy, ka dia mbola navelany ho mpifatotra ihany Paoly.

25 Ary Festosy, nony tonga teo amin' ny zara-fanapahany, dia niala tany Kaisaria hiakatra any Jerosalema, rehefa afaka hateloana. **2** Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny olona manan-kaja tamin' ny Jiosy nanambara taminy izay niampangany an' i Paoly sady niangavy taminy **3** ka nangataka azy hohelohina, mba hampanalainy hankany Jerosalema; fa nikasa hanotrika eny amoron-dalana izy hamonoany azy. **4** Ary Festosy namaly fa Paoly dia ambenana any Kaisaria, sady izy koa efa hankany faingana. **5** Koa izay manam-pahefana eo aminareo, hoy izy, no aoka hiara-midìna amiko ka hiampanga an-dralehilahy, raha manan-keloka izy. **6** Ary rehefa nitoetra teo aminy tsy mihoatra noho ny havaloana na hafoloana izy, dia nidina nankany Kaisaria; ary nony ampitso dia nipetraka teo amin' ny fitsarana izy, ka nasainy halaina Paoly. **7** Ary nony tonga izy, dia nitsangana manodidina azy ny Jiosy izay nidina avy tany Jerosalema, ka zavatra maro sady lehibe, izay tsy azony nohamarinina akory, no niampangany azy; **8** fa Paoly nandaha-teny hanala tsiny ny tenany hoe: Tsy nanao ratsy aho, na tamin' ny lalàn' ny Jiosy, na tamin' ny tempoly, na tamin' i Kaisara. **9** Nefa Festosy ta-hahazo sitraka tamin' ny Jiosy, dia namaly an' i Paoly ka nanao hoe: Tianao va hiakatra any Jerosalema hotsaraina eo anatrehako any ny amin' izany zavatra izany? **10** Fa hoy Paoly: Eto amin' ny fitsaran' i Kaisara, izay tokony hitsarana ahy, no itsanganako. Tsy nanisy ratsy ny Jiosy akory aho, ary na ianao aza dia mahafantatra izany marina. **11** Koa raha mpanao ratsy aho, na nanao izay tokony hahafaty ahy, dia tsy mandà tsy ho faty aho; fa raha tsy marina kosa izay zavatra iampangan' ireo ahy, dia tsy misy olona mahazo manolotra ahy ho amin' ny sitrapony. Handahatra eo anatrehan' i Kaisara aho. **12** Ary rehefa niresaka tamin' ny mpanolo-tsaina Festosy, dia namaly hoe: Efa nifidy ny handahatra any anatrehan' i Kaisara ianao, ka dia ho any amin' i Kaisara ihany ianao. **13** Ary rehefa afaka andro vitsivitsy, dia tonga tany Kaisaria Agripa mpanjaka sy Berenika hiarahaba an' i Festosy. **14** Ary rehefa nitoetra teo andro maro izy, dia nambaran' i Festosy tamin' ny mpanjaka ny amin' i Paoly, ka hoy izy: Misy mpifatotra anankiray ato navelan' i Feliksa, **15** koa tamin' izaho tany Jerosalema ny mpisorona sy ny loholon' ny Jiosy niampanga azy ka nangataka izay hanamelohana azy. **16** Fa namaly azy kosa aho hoe: Tsy fanaon' ny Romana ny manolotra olona, raha tsy mbola mifanatrika ny ampangaina sy ny mpiampanga, ka mahazo mandahatra hanala tsiny ny tenany ny amin' izay niampangan' ireo azy izy. **17** Ary raha tonga tatỳ izy, dia tsy mba nijanonjanona aho, fa nony ampitso dia nipetraka teo amin' ny fitsarana, ka nasaiko nalaina ralehilahy. **18** Rehefa nitsangana ireo mpiampanga ireo, dia tsy mba niampanga azy araka izay zavatra ratsy nampoiziko izy tsy akory, **19** fa nanana ady hevitra taminy ny amin' ny fivavahany sy ny amin' izay Jesosy anankiray efa maty, nefa nolazain' i Paoly ho velona. **20** Ary satria variana ny hevitro ny amin' ny hitsarana izany zavatra izany, dia nanontany aho na tian-dralehilahy ny hankany Jerosalema hotsaraina any ny amin' izany zavatra izany, na tsia, **21** Ary rehefa nangataka hambenana hotsarain' ny mpanjaka Paoly, dia nasaiko nambenana mandra-pandefako azy ho any amin' i Kaisara. **22** Dia hoy Agripa tamin' i Festosy: Izaho koa mba ta-handre izay lehilahy izay. Ary hoy izy: Rahampitso ary dia handre azy ihany ianao. **23** Ary nony ampitso, dia tonga Agripa sy Berenika niseho tamin' ny voninahitry ny fiandrianany ka niditra teo amin' ny trano fihaonana niaraka tamin' ny mpifehy arivo sy ny lehibe tao an-tanàna, dia nentina nankeo Paoly araka ny didin' i Festosy. **24** Ary hoy Festosy: Ry Agripa mpanjaka sy izay rehetra eto amintsika, hitanareo io lehilahy io, izay notarainan' ny Jiosy rehetra tamiko, na tany Jerosalema na

teto koa, ka nataony antso avo hoe: Tsy tokony hovelomina intsony ilehio. **25** Nefa nony hitako fa tsy nisy zavatra nataony izay tokony hahafaty azy, saingy izy ihany no tahandahatra amin' ny mpanjaka, dia nanaiky hampanatitra azy aho. **26** Ny amin' io lehilahy io tsy hitako izay teny marina hosoratako amin' ny tompoko, koa dia nentiko eto anatrehanareo izy, indrindra fa eto anatrehanao, ry Agripa mpanjaka, mba hadinina izy, ka dia ho hitako izay hosoratako. **27** Fa ataoko fa tsy mety ny mampanatitra mpifatotra, nefa tsy milaza izay zavatra iampangana azy.

26 Ary hoy Agripa tamin' i Paoly: Mahazo mandahatra ny teninao ianao. Ary Paoly naninjitra ny tànany ka nandaha-teny hanala tsiny ny tenany nanao hoe: **2** Ny amin' ny zavatra rehetra iampangan' ny Jiosy ahy, ry Agripa mpanjaka, dia ataoko fa sambatra aho, satria mahazo mandaha-teny hanala tsiny ny tenako eto anatrehanao anio, **3** indrindra fa efa fantatrao tsara ny fanao sy ny ady hevitra rehetra amin' ny Jiosy; koa trarantitra ianao, mba mahareta hihaino ahy. **4** Fantatry ny Jiosy rehetra ny fitondran-tenako hatry ny fony aho mbola kely teo amin' ny fireneko tany Jerosalema hatramin' ny voalohany; **5** eny, fantany hatramin' ny voalohany aho (raha mety milaza izy), fa efa Fariseo aho araka ny antoko, fatra-pitana indrindra ny lalàna amin' ny fivavahantsika. **6** Ary ankehitriny ny fanantenana ny teny fikasana izay nataon' Andriamanitra tamin' ny razantsika no itsanganako hotsaraina eto, **7** dia ilay fanantenana andrasan' ny firenentsika roa ambin' ny folo, izay mazoto manao fanompoam-pivavahana ho an' Andriamanitra andro aman' alina. Izany fanantenana izany no iampangan' ny Jiosy ahy, ry mpanjaka ô. **8** Nahoana no ataonareo ho zavatra tsy azo inoana, raha Andriamanitra manangana ny maty? **9** Ary izaho efa nihevitra tao ampoko tokoa fa tsy mety raha tsy manao zavatra maro hanohitra ny anaran' i Jesosy avy any Nazareta, **10** sady nataoko tany Jerosalema izany, ka maro ny olona masìna no nohidiako tao an-tranomaizina, rehefa nahazo fahefana tamin' ny lohan' ny mpisorona aho; ary raha hovonoina ireny, dia mba nandatsa-bato nanaiky izany koa aho. **11** Ary nampijaly azy matetika teo amin' ny synagoga rehetra aho ka nanery azy hiteny ratsy; ary satria very saina tamin' ny fahatezerako taminy aho, dia nanenjika azy hatramin' ny tanàna any ivelany koa aza. **12** Ary tamin' izany, raha nankany Damaskosy aho, nitondra fahefana sy teny izay efa azoko tamin' ny lohan' ny mpisorona, **13** koa nony ilay nitatao-vovonana iny ny andro, ry mpanjaka ô, dia hitako teny an-dalana fa, indro, nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra manodidina ahy mbamin' izay niaraka tamiko mihoatra noho ny famirapiratry ny masoandro. **14** Ary rehefa lavo tamin' ny tany izahay rehetra, dia nandre feo nilaza tamiko aho nanao tamin' ny teny Hebreo hoe: Saoly Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy? Zavatra sarotra aminao ny hanipaka ny fanindronana. **15** Dia hoy izaho: Iza moa Hianao, Tompoko? Ary hoy ny Tompo: Izaho no Jesosy Izay enjehinao. **16** Fa mitsangàna, ka mijoroa amin' ny tongotrao; fa izao no nisehoako taminao, dia ny hanendry anao ho mpanompo sy ho vavolombelona ny amin' izay efa nahitanao Ahy sy izay hisehoako aminao, **17** hamonjy anao amin' ny olona Isiraely sy ny jentilisa, izay anirahako anao, **18** hampahiratra ny masony hialany amin' ny maizina ho amin' ny mazava, ary amin' ny fahefan' i Satana ho amin' Andriamanitra, mba hahazoany famelan-keloka sy lova eo amin' izay nohamasinina noho ny finoana Ahy. **19** Ary amin' izany, ry Agripa mpanjaka ô, dia tsy nandà ny fahitana avy tany an-danitra aho; **20** fa nambarako voalohany tamin' izay tany Damaskosy sy Jerosalema sy tany amin' ny tany Jodia rehetra ary tany amin' ny Jentilisa, mba hibebaka sy hiverina amin' Andriamanitra izy ka hanao asa miendrika ny fibebahana. **21** Ary izany no nisamboran' ny Jiosy ahy teo an-kianjan' ny tempoly sy nitadiavany hahafaty ahy. **22** Ary noho ny fitahian' Andriamanitra ahy dia mbola maharitra mandraka androany aho ka manambara na amin' ny kely na amin' ny lehibe, ary tsy milaza na inona na inona afatsy izay nolazain' ny mpaminany sy Mosesy fa ho avy, **23** fa Kristy tsy maintsy mijaly ary ho voalohany hitsangana amin' ny maty ka hitory fahazavana amin' ny olona Isiraely sy amin' ny jentilisa. **24** Ary raha nandahatra izany izy, dia hoy Festosy tamin' ny feo mahery: Ry Paoly ô, very saina ianao; ny fianarana be loatra no efa nahavery saina anao. **25** Fa hoy Paoly: Tsy very saina aho, ry Festosy tsara indrindra, fa mandahatra tenin' ny fahamarinana sy ny fahononana. **26** Fa fantatry ny mpanjaka izany zavatra izany, ka dia miteny amin' ny fahasahiana eto anatrehany aho; fa mino aho fa tsy miafina aminy izany zavatra izany, satria tsy natao tao amin' ny takona izany. **27** Ry Agripa mpanjaka ô, mino ny mpaminany va ianao? Fantatro fa mino ianao. **28** Fa hoy Agripa tamin' i Paoly: Hay! ataonao fa mora toy izany no hampanekenao ahy ho Kristiana. **29** Ary hoy Paoly: Mangataka amin' Andriamanitra aho, fa na amin' ny mora, na amin' ny sarotra, tsy ianao ihany, fa izay rehetra mandre ahy anio, dia hitovy amiko, afa-tsy amin' ireto gadra ireto ihany. **30** Ary nitsangana ny mpanjaka sy ny governora ary Berenika mbamin' izay niara-nipetraka teo aminy; **31** ary rehefa niala teo izy, dia niresaka hoe: Tsy manao izay tokony hahafaty na hamatorana azy tsy akory izany lehilahy izany. **32** Ary hoy Agripa tamin' i Festosy: Azo nalefa ihany io lehilahy io, saingy efa nifidy ny handahatra any anatrehan' i Kaisara izy.

27 Ary rehefa voadidy hiondrana an-tsambo hiala hankany Italia izahay, Paoly sy ny mpifatotra sasany dia natolotra tamin' ny kapiteny atao hoe Jolio, tamin' ny antokon' i Aogosto. **2** Ary rehefa nirotsaka an-tsambo avy any Adramytena izay efa handeha hitety ny sisin-tanin' i Asia izahay, dia lasa nandeha; ary niaraka taminay Aristarko Makedoniana avy any Tesalonika. **3** Ary nony ampitso dia tonga tany Sidona izahay. Ary tsara ny nitondran' i Jolio an' i Paoly, fa navelany hankany amin' ny sakaizany izay hiahy azy izy. **4** Ary nony niala teo izahay, dia nanara-morona an' i Kyprosy nihazo ny ilany takon-drivotra, satria nanohitra ny rivotra. **5** Ary rehefa namaky ny ranomasina tany Kilikia sy Pamfilia izahay, dia tonga tany Myra any Lykia. **6** Ary tao no nahitan' ny kapiteny sambon' Aleksandria hankany Italia, dia nasainy niondrana teo aminy izahay. **7** Ary rehefa

nandeha niadana andro maromaro izahay ka saiky tsy tonga tandrifin' i Kinido, satria nisakana anay ny rivotra, dia takon-drivotra tandrifin' i Salmona izahay; **8** ary nony sahirana nanara-morona izahay, dia tonga teo amin' ny tany anankiray atao hoe Tsara-fitodian-tsambo; akaikin' izany ny tanàna Lasea. **9** Ary rehefa lany ny andro maro, sady sarotra ny fandehanan-tsambo tamin' izany, satria efa afaka ny Andro Fifadiana, dia nananatra azy Paoly **10** ka nanao taminy hoe: Ry tompokolahy ô, hitako fa izao fandehanana izao dia hisy fahasimbana sy fatiantoka be ihany, ka tsy amin' ny entana sy ny sambo ihany, fa ny aintsika koa aza. **11** Kanefa ny kapiteny nino ny mpitondra sy ny tompon-tsambo, fa tsy ny teny nolazain' i Paoly. **12** Ary satria ny fitodian-tsambo teo dia tsy tsara hitoerana amin' ny ririnina, dia nataon' ny maro fa tsara raha miala, fandrao mba ho tonga any Foiniksa ahay handany ny ririnina any; fitodian-tsambo any Kreta izany ka manatrika mianatsimo-andrefana sy mianavaratra-andrefana. **13** Ary raha nitsoka malemy ny rivotra avy any atsimo, ka nataony fa efa nahazo izay niriny izy, dia niala teo izy ka nandalo akaikikaikin' i Kreta. **14** Ary tsy ela rehefa afaka izany, dia nifofofofo nidina avy teo ny tafio-drivotra mahery atao hoe Eorakylona. **15** Ary raha nopaohin' ny rivotra ny sambo ka tsy nahatoha azy, dia navelanay havezivezin izy. **16** Ary raha nandeha faingana nanara-morona ny nosy atao hoe Kaoda nihazo ny ilany takon-drivotra izahay, dia saiky tsy nahazo ny salopy; **17** ary rehefa nakarina izany, dia novahorany manodidina ny sambo; ary natahotra izy, fandrao hihatra any amin' ilay fasika mandrevo, dia nampidina ny lay, ka navelany handeha ho azy ny sambo. **18** Ary raha nasian' ny rivotra mafy izahay, dia nanariany ny entana nony ampitso; **19** ary nony ampitso' io indray dia narian' ny tànany ihany ny fanaka teo amin' ny sambo; **20** fa rehefa tsy hita ny masoandro na ny kintana hatramin' ny andro maro, ary tsy kely ny rivotra izay namely, dia tsy nanantena ho voavonjy intsony izahay. **21** Ary rehefa tsy nihinan-kanina ela izy ireo, Paoly dia nitsangana teo afovoany ka nanao hoe: Ry tompokolahy ô, tsara raha ho nihaino ahy ianareo ka tsy niala tany Kreta, mba tsy ho nahitana izao fahasimbana sy fatiantoka izao. **22** Ary ankehitriny mananatra anareo aho mba hatoky; fa tsy hisy ho faty ianareo, fa ny sambo ihany no ho very. **23** Fa nisy anjelin' Andriamanitra, Izay Tompoko sady tompoiko, nitsangana teo anilako halina **24** ka nanao hoe: Aza matahotra, ry Paoly; fa tsy maintsy hitsangana eo anatrehan' i Kaisara ianao; ary, indro, efa nomen' Andriamanitra anao ny olona rehetra izay miaraka aminao. **25** Koa matokia, ry tompokolahy ô, fa mino an' Andriamanitra aho fa ho tonga araka ny voalazany tamiko izany. **26** Nefa tsy maintsy fefika ihany eo amin' ny nosy anankiray isika. **27** Ary tamin' ny alina fahefatra ambin' ny folo, raha navezimbezina tany Adria izahay, nony namatonalina dia nataon' ny matilo fa efa manakaiky tany izy; **28** dia nanaka-drano izy ka hitany fa faharoa-polo refy; ary nony nandrosoroso kokoa izy, dia nanaka-drano indray ka hitany fa fahadimy ambin' ny folo refy. **29** Dia natahotra izahay, fandrao hidona amin' ny harambato, ka dia nandatsaka vatofantsika efatra teo am-bodisambo ary naniry ny andro ho maraina. **30** Fa raha nitady handositra hiala tamin' ny sambo ny matilo ka efa nampidina ny salopy teo amin' ny ranomasina izy, nody handatsaka vatofantsika eo an-doha-sambo, **31** dia hoy Paoly tamin' ny kapiteny sy ny miaramila: Raha tsy mitoetra eto an-tsambo ireo, dia tsy azo vonjena ianareo. **32** Dia notapahin' ny miaramila ny mahazaka rehetra tamin' ny salopy, ka navelany ho latsaka. **33** Ary raha mbola tsy nazava ny andro, dia niangavy tamin' ny olona rehetra Paoly mba hihinan-kanina ka nanao hoe: Anio no fahefatra ambin' ny folo andro niandrasanareo, sady nahari-noana ianareo ka tsy nihinana. **34** Koa mananatra anareo aho hihinan-kanina, fa izany no isan' ny hamonjena anareo; ary tsy hisy ho very aminareo rehetra na dia singam-bolo iray akory aza. **35** Ary rehefa nilaza izany izy sady nandray mofo, dia nisaotra an' Andriamanitra teo anatrehan' ny olona rehetra; ary rehefa novakiny, dia nihinana izy. **36** Dia nahazo toky izy rehetra ka nihinana koa. **37** Ary izahay rehetra teo anaty sambo dia olona enina amby fito-polo amby roan-jato. **38** Ary rehefa voky izy, dia nanariany ho any anaty ranomasina ny hanina mba hanamaivana ny sambo. **39** Ary rehefa nazava ny andro, dia tsy nahalala ny tany izy, fa nahita helodrano anankiray tsara morona, ka teo no nokasainy hampidonana ny sambo, raha azony atao. **40** Ary rehefa nesoriny avokoa ny vatofantsika, dia navelany ho any an-dranomasina, ary novahany koa ny kofehin' ny familian-tsambo dia namelatra ny lay anoloana izy ho azon' ny rivotra ka nanatona ny tany. **41** Ary raha tonga tamin' izay nisy fihaonan-dranomasina izy, dia navelany hidona tamin' ny tany ny sambo; ary ny loha-sambo nihizina ka nitoetra tsy nihetsika, fa ny vodi-sambo kosa dia vakivaky azon' ny herin' ny onja. **42** Ary ny miaramila nanao tetika hamono ny mpifatotra, fandrao hisy hilomano ireo ka ho afaka. **43** Fa ny kapiteny ta-hamonjy an' i Paoly, dia nisakana azy tsy hanao izay nokasainy; fa izay nahay nilomano no nasainy hirotsaka aloha ka hilomano ho any amin' ny tany, **44** ary ny sisa dia samy hanao izay hahafaka azy, na amin' ny hazo fisaka, na amin' ny zavatra avy amin' ny sambo. Dia tonga soa aman-tsara teny an-tanety avokoa izy rehetra.

28 Ary rehefa voavonjy izahay, vao fantatray fa Melita no anaran' ilay nosy. **2** Ary tsy kely ny soa nasehon' ny tompon-tany taminay; fa namelona afo izy ka nandray tsara anay rehetra, satria nilatsaka tamin' izay ny ranonorana, sady nangatsiaka ny andro. **3** Dia namory kitay hazo iray trotroana Paoly ka nanohoka izany teo amin' ny afo; ary nisy menarana nivoaka avy tamin' ny afo ka niraikitra tamin' ny tànany. **4** Ary raha hitan' ny tompon-tany ny biby niraikitra tamin' ny tànany, dia niresaka hoe izy: Mpamono olona tokoa io lehilahy io, ka na dia voavonjy tamin' ny ranomasina aza izy, tsy avelan' ny todin' aina ho velona. **5** Fa nakifiny ho eo amin' ny afo ilay biby, ka tsy nisy naninona izy na dia kely akory aza. **6** Ary ny olona kosa nanampo azy hivonto, na hikarapoka ho faty tampoka; fa rehefa niandry ela izy ka nahita fa tsy nisy na inona na inona nanjo an' i Paoly, dia niova saina izy ka nanao hoe: andriamanitra io. **7** Ary teo akaikin' io dia nisy sahan' i Popilo, mpanapaka

ny nosy, izay nandray anay ka nampiantrano anay tsara hateloana. **8** Ary nararin' ny tazo sady nivalan-drà ny rain' i Popilo; ary Paoly niditra teo aminy ka nivavaka sady nametra-tanana taminy, dia nahasitrana azy. **9** Ary rehefa vita izany, dia tonga koa ny sasany izay narary teo amin' ny nosy, ka dia sitrana. **10** Ary voninahitra be no nomen' ny olona anay; ary rehefa handeha izahay, dia novatsiany tsara. **11** Ary rehefa afaka telo volana, dia niondrana izahay tamin' ny sambon' Aleksandria, izay efa nandany ny ririnina teo amin' izany nosy izany sady nisy sarin' ny Zaza Kambana. **12** Ary rehefa nitody tany Syrakosa izahay, dia nitoetra teo hateloana. **13** Ary nony niala teo izahay, dia nisompirana nankany Regioma; ary rehefa afaka indray andro, dia nifofofofo avy any atsimo ny rivotra, koa nony ampitso dia tonga tao Potioly izahay; **14** tao no nahitanay ny rahalahy sasany, ary izy niangavy anay hitoetra tao aminy hafitoana. Ary toy izany no nandrosoanay nankany Roma. **15** Ary nony nahare ny dianay ny rahalahy tany, dia tonga izy nitsena anay hatrany amin' ny Tsenan' Apio sy ny Tranombahiny Telo; raha nahita azy Paoly, dia nisaotra an' Andriamanitra izy ka nahazo toky. **16** Ary rehefa tonga tany Roma izahay, Paoly dia navelany hitoetra mitokana teo amin' ny miaramila anankiray izay niambina azy. **17** Ary rehefa afaka hateloana, dia nampanalain' i Paoly hiangona izay lohandohany tamin' ny Jiosy; ary rehefa niangona ireo, dia hoy izy taminy: Ry rahalahy, izaho dia mpifatotra avy tany Jerosalema natolotra teo an-tànan' ny Romana, na dia tsy diso tamin' ny firenentsika aza, na tamin' ny fanaon-drazana; **18** ary rehefa nanadina ahy mafy ireo, dia saiky nandefa ahy ihany, satria tsy nisy nataoko izay tokony hahafaty ahy. **19** Fa raha notoherin' ny Jiosy izany, dia terỳ aho ka nilaza fa handahatra amin' i Kaisara, nefa tsy mba toy ny manana teny hiampangako ny fireneko tsy akory. **20** Ary izany zavatra izany no nampanalako anareo, hahitako anareo sy hiresahako aminareo; fa noho ny fanantenan' ny Isiraely no ifatorako amin' ity gadra ity. **21** Ary hoy izy ireo taminy; Izahay tsy mbola nahazo taratasy avy tany Jodia milaza anao, ary tsy mbola nisy rahalahy izay nankaty nanambara na nilaza ratsy anao; **22** fa tianay ho re aminao izay hevitrao; fa ny amin' izany antoko izany dia fantatray fa efa ratsy laza eny tontolo eny izy. **23** Ary rehefa nanao fotoana taminy ireo, dia maro no nankeo aminy tao an-trano nitoerany; ary izy nilaza sy nanambara taminy ny fanjakan' Andriamanitra hatramin' ny maraina ka hatramin' ny hariva, ary ny teny eo amin' ny lalàn' i Mosesy sy ny mpaminany no nitaomany azy hino an' i Jesosy. **24** Ary ny sasany nino izay nolazainy, fa ny sasany kosa tsy mba nino. **25** Ary raha tsy niray saina ireo dia niala, rehefa nanao teny indraim-bava Paoly hoe: Marina izay nampilazain' ny Fanahy Masìna an' Isaia mpaminany tamin' ny razanareo **26** manao hoe: Mandehana any amin' ity firenena ity ianao, ka lazao hoe: Mba hahare mandrakariva ihany ianareo, fa tsy hahalala; Ary mba hijery mandrakariva ihany ianareo, fa tsy hahita; **27** Fa efa adala ny fon' ireo olona ireo, ary efa lalodalovana ny sofiny, ary efa nakimpiny ny masony, Fandrao hahita ny masony, sy handre ny sofiny, ary hahalala ny fony, dia hibebaka izy, ka hahasitrana azy Aho. **28** Koa aoka ho fantatrareo fa izao famonjen' Andriamanitra izao dia nampitondraina ho any amin' ny jentilisa, ary izy hihaino azy. **30** Ary Paoly nitoetra roa taona ngarangidina tao an-trano nohofany ka nandray tsara izay rehetra nankeo aminy, **31** dia nitory ny fanjakan' Andriamanitra ka nampianatra ny amin' i Jesosy Kristy Tompo tamin' ny fahasahiana be, ary tsy nisy fisakanana.

Romana

1 Paoly, mpanompon' i Jesosy Kristy, voantso ho Apostoly, voatokana ho amin' ny filazantsaran' Andriamanitra, **2** izay nampilazainy ny mpaminany rahateo teo amin' ny Soratra Masìna, **3** ny amin' ny Zanany, Izay nateraka avy tamin' ny taranak' i Davida araka ny nofo, **4** ary naseho tamin-kery ho Zanak' Andriamanitra araka ny fahamasinana tamin' ny fitsanganany tamin' ny maty, — dia Jesosy Kristy Tompontsika, **5** Izay nandraisanay fahasoavana sy ny mah' Apostoly anay hahatonga fanekena ny finoana ho voninahitry ny anarany any amin' ny jentilisa rehetra; **6** ary ianareo koa, izay isan' ireny, dia voantso ho an' i Jesosy Kristy, — **7** ho an' izay rehetra any Roma, malalan' Andriamanitra sady voantso ho masìna; ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. **8** Voalohany, misaotra an' Andriamanitro amin' ny alalan' i Jesosy Kristy aho noho ny aminareo rehetra, satria efa re eran' izao tontolo izao ny lazan' ny finoanareo. **9** Fa Andriamanitra, Izay tompoin' ny fanahiko amin' ny filazantsaran' ny Zanany, no vavolombeloko fa tsy mitsahatra mahatsiaro anareo aho, ka mandrakariva, raha mivavaka aho, **10** dia mangataka fandrao mba hisy hahafahako amin' izao ho tonga aminareo, raha sitrapon' Andriamanitra. **11** Fa maniry hahita anareo aho hanomezako anareo fahasoavam-panahy ho anareo, mba hampaharezina ianareo, **12** izany dia ny mba hiarahako hamporisihina aminareo amin' ny finoantsika, dia ny anareo sy ny ahy. **13** Ary tsy tiako tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, fa matetika aho no efa nikasa hankatỳ aminareo (saingy azon-tsampona mandraka ankehitriny aho), hananako izay vokatra atỳ aminareo koa, toy ny any amin' ny jentilisa sasany. **14** Ananan' ny Grika sy ny firenena hafa rehetra, ny hendry sy ny tsy hendry, trosa aho; **15** koa raha izaho, dia mazoto hitory ny filazantsara aminareo izay any Roma koa aho. **16** Fa tsy menatra ny filazantsara aho; fa herin' Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany, amin' ny Jiosy aloha, dia vao amin' ny jentilisa koa. **17** Fa amin' izany no anehoana fahamarinana avy amin' Andriamanitra avy amin' ny finoana sy ho amin' ny finoana, araka ny voasoratra hoe: Ny marina amin' ny finoana no ho velona. **18** Fa aseho avy any an-danitra ny fahatezeran' Andriamanitra amin' ny faharatsiana rehetra sy ny tsi-fahamarinan' ny olona izay misakana ny fahamarinana amin' ny fanaovan-dratsy, **19** satria izay fantatra ny amin' Andriamanitra dia miseho ao am-pon' ireny, fa nasehon' Andriamanitra taminy. **20** Fa ny fombany tsy hita, dia ny heriny mandrakizay sy ny mah' Andriamanitra Azy, dia miseho hatramin' ny nanaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin' ny zavatra nataony; ka dia tsy manan-kalahatra ireo; **(aïdios g126)** **21** fa na dia nahalala an' Andriamanitra aza izy, dia tsy mba nankalaza Azy toy izay miendrika ho an' Andriamanitra, na nisaotra Azy, fa tonga zava-poana izy tamin' ny fisainany, ary tonga maizina ny fony donto. **22** Nandoka tena ho hendry izy ka tonga adala, **23** koa ny voninahitr' Andriamanitra tsy mety lò dia nosoloany zavatra tahaka ny endriky ny olona mety lò sy ny vorona sy ny biby manan-tongotra efatra ary ny zavatra mandady sy mikisaka. **24** Ary izany no nanoloran' Andriamanitra azy tamin' ny filan' ny fony ho amin' ny fahalotoana, dia ny nifanalany voninahitra tamin' ny tenany avy; **25** ary ny fahamarinan' Andriamanitra dia nosoloany lainga, ka nanaja sy nanompo ny zavatra natao izy, fa tsy ny Mpanao, Izay isaorana mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **26** Izany no nanoloran' Andriamanitra azy ho amin' ny filan-dratsy mahavoafady; fa ny vehivavy tao aminy nanova ny fanaony ho amin' izay tsy fanaony; **27** ary tahaka izany koa ny lehilahy, fa namela ny fanao amin' ny vehivavy izy ka maimay tamin' ny fifampilany samy lehilahy nifanao izay mahamenatra, dia nandray tao amin' ny tenany ny valiny izay tokony ho azy noho ny fiviliany. **28** Ary araka ny nanaovany ny fahalalana marina an' Andriamanitra ho tsy miendrika hotanany, dia araka izany kosa no nanoloran' Andriamanitra azy ho amin' ny fisainana tsy mahamendrika hanao izay zavatra tsy tokony hatao, **29** ka dia feno ny tsi-fahamarinana rehetra, ny faharatsiana, ny fieremana, ny lolompo, — feno fialonana, vonoan-olona, fifandirana, fitaka, otri-po, — **30** mpibitsibitsika, mpanendrikendrika, halan' Andriamanitra, mpampahory, mpiavonavona, mpandoka tena, mpamoron-tsain-dratsy, tsy manoa ray sy reny, **31** tsy manam-pahalalana, tsy mitana fanekena, tsy manam-pitiavana, tsy miantra; **32** dia olona mahalala tsara ny fitsipika nomen' Andriamanitra fa izay manao izany zavatra izany no miendrika ho faty, nefa tsy manao izany ihany izy, fa mankasitraka ny manao koa.

2 Koa amin' izany dia tsy manan-kalahatra ianao, ralehilahy, na zovy na zovy ianao izay mitsara; fa izay itsaranao ny sasany no anamelohanao ny tenanao koa, fa ianao izay mitsara aza dia mba manao izany ihany koa. **2** Nefa fantatsika fa ny fitsaran' Andriamanitra dia araka ny marina amin' izay manao toy izany. **3** Ary ianao, ralehilahy, izay mitsara ny manao izany, kanefa manao izany koa ny tenanao, moa ataonao va fa ho afa-mandositra ny fitsaran' Andriamanitra ianao? **4** Sa hamavoinao ny haren' ny fahamoram-panahiny sy ny fandeferany ary ny fahari-pony, satria tsy fantatrao fa ny fahamoram-panahin' Andriamanitra dia mitaona anao hibebaka? **5** Fa ny ditranao sy ny fonao tsy mibebaka no irakatenao fahatezerana ho anao amin' ny andro fahatezerana sy fampisehoana ny fitsarana marin' Andriamanitra, **6** Izay hamaly ny olona rehetra araka ny asany avy: **7** ho an' izay maharitra manao soa mandrakariva ka mitady voninahitra sy laza ary tsi-fahafatesana, dia fiainana mandrakizay; **(aiōnios g166)** **8** fa ho an' izay mitady ny ho an' ny tenany ihany kosa sady tsy manaraka ny marina, fa manaraka ny tsy marina, dia fahavinirana sy fahatezerana, **9** eny, fahoriana sy fahantrana ho an' ny fanahin' ny olona rehetra izay manao ratsy, amin' ny Jiosy aloha, dia vao amin' ny jentilisa koa; **10** fa voninahitra sy laza ary fiadanana kosa ho an' ny olona rehetra izay manao ny tsara, amin' ny Jiosy aloha, dia vao amin' ny jentilisa koa. **11** Fa tsy misy fizahan-tavan' olona amin' Andriamanitra. **12** Fa izay nanota tsy nanana ny lalàna dia

ho very tsy manana ny lalàna; fa izay nanota nanana ny lalàna kosa dia hotsaraina araka ny lalàna. **13** Fa tsy ny mpandre ny lalàna no marina eo anatrehan' Andriamanitra, fa ny mpankatò ny lalàna no hohamarinina; **14** fa na oviana na oviana ireo jentilisa tsy manana ny lalàna ireo no misy manao izay nandidian' ny lalàna araka ny nahim-pony, na dia tsy manana ny lalàna aza ireo, dia lalàn-tenany ihany; **15** fa ireo maneho ny asan' ny lalàna ho voasoratra ao am-pony, sady ny fieritreretany no vavolombelony, ary ny fisainany mifampiampanga, nefa mba mifanafaka ihany koa aza, — **16** amin' ny andro izay hitsaran' Andriamanitra ny zavatra takona ataon' ny olona, araka ny filazantsarako amin' ny alalan' i Jesosy Kristy. **17** Fa raha saingy atao hoe Jiosy ianao ka mitoky amin' ny lalàna sy manao an' Andriamanitra ho reharehanao **18** ary mahalala ny sitrapony sady mamantatra ny zavatra tsara indrindra, satria efa nampianarina ny lalàna ianao **19** ary matoky ny tenanao ho mpitarika ny jamba, fanazavana ny ao amin' ny maizina, **20** mpananatra ny adala, mpampianatra ny bodo, satria ianao manana ny lalàna ho mariky ny fahalalana sy ny fahamarinana: **21** ka moa ianao izay mampianatra ny sasany, tsy mba mampianatra ny tenanao koa va? Hianao izay mitory hoe: Aza mangalatra, mba mangalatra ihany va ianao? **22** Hianao izay manao hoe: Aza mijangajanga, mba mijangajanga ihany va ianao? Hianao izay mametaveta ny sampy, mba mandroba tempoly ihany va ianao? **23** Hianao izay manao ny lalàna ho reharehanao, mba manala voninahitra an' Andriamanitra ihany va ianao amin' ny andikanao ny lalàna? **24** Fa araka ny voasoratra, dia ianareo no itenenana ratsy ny anaran' Andriamanitra any amin' ny jentilisa. **25** Fa ny famorana mahasoa tokoa, raha mankatò ny lalàna ianao; fa raha mpandika ny lalàna kosa ianao, dia efa tonga toy ny tsy voafora, na dia efa voafora aza. **26** Ary raha mankatò ny fitsipiky ny lalàna ny tsy voafora, tsy hatao ho isan' ny voafora va izy, na dia tsy voafora aza? **27** Ary tsy hohelohin' ny tsy mifora izay mankatò ny lalàna va ianao, izay mpandika ny lalàna, na dia manana ny soratra sy ny famorana aza ianao? **28** Fa tsy izay araka ny miseho no Jiosy, ary tsy izay miseho eo amin' ny nofo no famorana; **29** fa izay araka ny miafina no Jiosy, ary ny famorana dia amin' ny fo, amin' ny fanahy, fa tsy amin' ny soratra; ny fiderana ireny tsy avy amin' ny olona, fa avy amin' Andriamanitra.

3 Koa inona ary no tombony ananan' ny Jiosy, ary inona koa no soa avy amin' ny famorana? **2** Be ihany amin' ny zavatra rehetra: voalohany, izy no notolorana ny tenin' Andriamanitra ho adidiny. **3** Fa ahoana kosa ary? Raha tsy nino ny sasany, moa ny tsi-finoanay va hahafoana ny fahamarinan' Andriamanitra? **4** Sanatria izany! Aoka Andriamanitra no ho marina, fa ny olona rehetra kosa ho mpandainga; araka ny voasoratra hoe: Mba hohamarinina amin' ny teninao Hianao, Ary hahery, rehefa manana ady. **5** Fa raha ny tsi-fahamarinantsika no mampiseho ny fahamarinan' Andriamanitra, ahoana ary no holazaintsika? Tsy marina angaha Andriamanitra Izay mandatsaka ny fahatezerany! — miteny araka ny fanaon' ny olona aho — **6** Sanatria izany! Fa raha izany, hataon' Andriamanitra ahoana no fitsara izao tontolo izao? **7** Fa raha ny fahamarinan' Andriamanitra kosa no nitombo tamin' ny laingako ho voninahiny, nahoana aho no mbola tsaraina ho mpanota indray? **8** Ary nahoana no tsy hanao ratsy hihavian' ny soa isika, — araka ny anendrikendrehana anay sy ny filazan' ny sasany anay. Marina ny fanamelohana ireny. **9** Ahoana ary? Manan-kavaly va isika? Tsia tsy akory; fa efa voalazantsika rahateo ho mpanota avokoa na ny Jiosy na ny jentilisa; **10** araka ny voasoratra hoe: Tsy misy marina na dia iray akory aza; **11** Tsy misy izay mahafantatra, Tsy misy izay mitady an' Andriamanitra. **12** Samy nania avokoa izy rehetra, Samy tsy mahasoa avokoa izy rehetra; Tsy misy izay manao ny tsara na dia iray akory aza. **13** Fasana misokatra ny tendany; Ny lelany no anaovany fitaka; Ny poizin' ny menarana no ao ambanin' ny molony; **14** Feno ozona sy fangidiana ny vavany; **15** Ny tongony mimaona handatsa-drà; **16** Fandravana sy fandringanana no eo amin' ny alehany; **17** Ary ny lalan' ny fiadanana dia tsy fantany; **18** Tsy misy fahatahorana an' Andriamanitra eo anoloan' ny masony. **19** Ary fantatsika fa izay zavatra lazain' ny lalàna dia lazainy amin' izay manana ny lalàna, mba ho voatampina avokoa ny vava rehetra, ka hiharan' ny fitsaran' Andriamanitra izao tontolo izao, **20** satria tsy misy nofo hohamarinina amin' ny asan' ny lalàna eo anatrehany; fa ny lalàna no ahazoana ny fahalalana marina ny amin' ny ota. **21** Fa ankehitriny dia efa naharihary ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra, tsy amin' ny lalàna anefa, fa ambaran' ny lalàna sy ny mpaminany, **22** dia ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra amin' ny finoana an' i Jesosy Kristy ho an' izay rehetra mino; fa tsy misy hafa, **23** fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin' Andriamanitra, **24** nefa hamarinina maimaimpoana amin' ny fahasoavany izy noho ny fanavotana izay ao amin' i Kristy Jesosy, **25** Izay nasehon' Andriamanitra tamin' ny ràny ho fanavotana amin' ny finoana, hanehoana ny fahamarinany amin' ny tsy namalian' Andriamanitra ny fahotana lasa tamin' ny nandeferany, **26** mba hanehoana ny fahamarinany ankehitriny, mba ho marina Izy sady hanamarina izay manana finoana an' i Jesosy. **27** Aiza ary ny fireharehana? Efa foana izany. Amin' ny lalàna manao ahoana? amin' ny lalàn' ny asa va? Tsia; fa amin' ny lalàn' ny finoana. **28** Koa amin' izany dia ataontsika fa finoana no anamarinana ny olona, fa tsy ny asan' ny lalàna. **29** Andriamanitry ny Jiosy ihany va Izy? fa tsy mba an' ny jentilisa koa? Eny, an' ny jentilisa koa; **30** fa iray ihany Andriamanitra, Izay hanamarina ny voafora noho ny finoana, ary ny tsy voafora amin' ny finoana. **31** Koa mahafoana ny lalàna amin' ny finoana va isika? Sanatria izany! fa mampiorina tsara ny lalàna isika.

4 Inona ary no holazaintsika ho efa azon' i Abrahama, razantsika araka ny nofo? **2** Fa raha asa no nanamarinana an' i Abrahama, dia misy hireharehany ihany, nefa tsy amin' Andriamanitra. **3** Fa ahoana hoy ny Soratra Masìna? Ary Abrahama nino an' Andriamanitra, ka dia nisaina ho fahamarinany izany. **4** Ary ho an' izay miasa, dia

tsy isaina ho fahasoavana ny karama, fa ho trosa. **5** Fa ho an' izay tsy miasa kosa, fa mino Izay manamarina ny ratsy fanahy, dia ny finoany no isaina ho fahamarinana. **6** Dia araka izany koa no ilazan' i Davida fa sambatra ny olona izay isain' Andriamanitra fahamarinana tsy amin' ny asa, hoe: **7** Sambatra izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany. **8** Sambatra izay olona tsy hisain' i Jehovah heloka. **9** Koa izany fahasambarana izany moa an' ny voafora ihany va, sa an' ny tsy voafora koa? fa lazaintsika fa ny finoana no nisaina ho fahamarinan' i Abrahama. **10** Ary ahoana no nanisana izany? Tamin' izy efa voafora va, sa fony izy tsy mbola voafora? Tsy tamin' izy efa voafora tsy akory, fa fony izy tsy mbola voafora. **11** Ary ny famorana, izay famantarana, dia noraisiny ho tombokasen' ny fahamarinana amin' ny finoana izay nananany fony izy tsy mbola voafora, mba ho rain' ny olona rehetra izay mino izy, na dia ny tsy voafora aza, mba hisaina ho an' ireny ny fahamarinana, **12** ary ho rain' ny voafora, dia tsy izay voafora ihany, fa izay mandeha araka ny dian' ny finoan' i Abrahama razantsika koa, izay nananany fony izy tsy mbola voafora. **13** Fa tsy lalàna, fa fahamarinana amin' ny finoana, no nahazoan' i Abrahama sy ny taranany ny teny fikasana ho mpandova izao tontolo izao izy. **14** Fa raha izay amin' ny lalàna no mpandova, dia efa foana ny finoana, ary efa tsinontsinona ny teny fikasana; **15** fa ny lalàna mahatonga fahatezerana; fa raha tsy misy lalàna, dia tsy misy fandikan-dalàna. **16** Koa finoana no andovana, mba ho araka ny fahasoavana, hahatò ny teny fikasana ho an' ny taranaka rehetra, — tsy ho an' izay amin' ny lalàna ihany, fa ho an' izay amin' ny finoan' i Abrahama koa, dia ilay razantsika rehetra — **17** araka ny voasoratra hoe: Nataoko ho rain' ny firenena maro ianao — teo anatrehan' izay ninoany, dia Andriamanitra Izay mamelona ny maty sy miantso ny tsy misy toy ny misy. **18** Ary na dia efa tsy nisy fanantenana aza, dia nanantena ihany izy ka nino, mba ho rain' ny firenena maro; araka ny voalaza hoe: Ho tahaka izany ny taranakao. **19** Ary satria tsy mba nalemy finoana izy, dia nihevitra ny tenany izay efa hoatra ny maty (fa efa tokony ho zato taona izy) sy ny fahafatesan' ny kibon' i Saraha, **20** ary tsy niahanahana ny amin' ny teny fikasan' Andriamanitra tamin' ny tsi-finoana izy, fa nampaherezin' ny finoana ka nanome voninahitra an' Andriamanitra **21** ary natoky indrindra fa izay nolazainy dia hainy hatao koa. **22** Dia nisaina ho fahamarinany izany. **23** Nefa tsy ho azy ihany no nanoratana fa nisaina ho azy izany, **24** fa ho antsika izay hanisana izany koa, dia isika izay mino Ilay nanangana an' i Jesosy Tompontsika tamin' ny maty, **25** Izay natolotra noho ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika.

5 Koa amin' izany, satria efa nohamarinina tamin' ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin' Andriamanitra amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika. **2** Tamin' ny alalany koa no efa nahazoantsika fanatonana amin' ny finoana ho amin' izao fahasoavana itoerantsika izao, ka dia aoka isika hifaly amin' ny fanantenana ny voninahitr' Andriamanitra. **3** Ary tsy izany ihany, fa aoka isika hifaly amin' ny fahoriana aza, satria fantatsika fa ny fahoriana mahatonga faharetana; **4** ary ny faharetana mahatonga fahatsaram-panahy voazaha toetra; ary ny fahatsaram-panahy voazaha toetra mahatonga fanantenana; **5** ary ny fanantenana dia tsy mampahamenatra, satria ny Fanahy Masìna, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan' Andriamanitra ho ao am-pontsika. **6** Fa fony mbola tsy nanan-kery isika, dia maty Kristy tamin' ny fotoan' andro hamonjy ny ratsy fanahy. **7** Fa saiky tsy misy olona manaiky ho faty hamonjy ny marina; fa angamba hisy ihany ny sasany sahy maty asa hamonjy ny manao soa. **8** Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy. **9** Koa mainka aza ny hamonjeny antsika ho afaka amin' ny fahatezerana ankehitriny, rehefa nohamarinina tamin' ny ràny isika. **10** Fa raha fony mbola fahavalo aza isika no nampihavanina tamin' Andriamanitra tamin' ny nahafatesan' ny Zanany, mainka ny hamonjena antsika amin' ny fahavelomany ankehitriny, rehefa nampihavanina. **11** Ary tsy izany ihany koa, fa mifaly amin' Andriamanitra isika amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay nahazoantsika ny fihavanana ankehitriny. **12** Koa izany dia tahaka ny nidiran' ny ota avy tamin' ny olona iray ho amin' izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran' ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra; **13** fa hatrany alohan' ny lalàna aza dia nisy ota tamin' izao tontolo izao; nefa tsy isaina ny ota, raha tsy misy lalàna; **14** fa ny fahafatesana nanjaka hatramin' i Adama ka hatramin' i Mosesy, na dia tamin' izay tsy nanota tahaka ny nanotan' i Adama aza, izay tandindon' ilay ho avy. **15** Nefa tsy tahaka ny fahadisoana ny fanomezam-pahasoavana. Fa raha ny fahadisoan' ny anankiray no nahatonga fahafatesana ho an' ny maro, mainka ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny fanomezana amin' ny fahasoavan' ny olona iray, dia Jesosy Kristy, no tonga be ho an' ny maro kosa. **16** Ary tsy tahaka ny avy amin' ny anankiray izay nanota ny fanomezana; fa noho ny nataon' ny anankiray no nisehoan' ny fitsarana ho fanamelohana, fa noho ny fahadisoana maro kosa no nisehoan' ny fanomezam-pahasoavana ho fanamarinana. **17** Fa raha ny fahadisoan' ny olona anankiray no nanjakan' ny fahafatesana noho ny nataon' ny anankiray, mainka izay mahazo ny haben' ny fahasoavana sy ny fanomezan' ny fahamarinana no hanjaka amin' ny fiainana noho ny nataon' ny Anankiray, dia Jesosy Kristy. **18** Koa tahaka ny nahatongavan' ny fanamelohana ho an' ny olona rehetra noho ny fahadisoana iray no nahatongavan' ny fanamarinana ho amin' ny fiainana kosa ho an' ny olona rehetra noho ny fahamarinana iray. **19** Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsi-fanarahan' ny olona iray, no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fanarahan' ny Anankiray. **20** Ary ny lalàna dia niditra koa hahabe ny fahadisoana. Nefa teo amin' izay nihabiazan' ny ota no nihoaran' ny fahasoavana be lavitra, **21** mba ho tahaka ny nanjakan' ny ota tao amin' ny fahafatesana no hanjakan' ny fahasoavana kosa amin' ny fahamarinana

ho fiainana mandrakizay amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika. **(aiōnios g166)**

6 Inona ary no holazaintsika? Mbola hitoetra amin' ny ota ihany va isika hitomboan' ny fahasoavana? **2** Sanatria izany! Hataontsika izay efa maty ny amin' ny ota ahoana no ho velona aminy ihany? **3** Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin' i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin' ny fahafatesany? **4** Koa niaranalevina taminy tamin' ny batisa ho amin' ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an' i Kristy tamin' ny maty tamin' ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin' ny fiainam-baovao. **5** Fa raha nampiraisina taminy tamin' ny endriky ny fahafatesany isika, dia ho tahaka izany koa amin' ny fitsanganany; **6** fa fantatsika fa ny toetsika taloha dia niaraka nohomboana taminy hanimbana ny tenan' ny ota, mba tsy hanompoantsika ny ota intsony. **7** Fa izay efa maty dia afaka amin' ny ota. **8** Ary raha niara-maty tamin' i Kristy isika, dia mino fa hiara-belona aminy koa isika; **9** ary fantatsika fa rehefa nitsangana tamin' ny maty Kristy, dia tsy maty intsony Izy; tsy manankery aminy intsony ny fahafatesana. **10** Fa ny amin' ny nahafatesany, dia maty ny amin' ny ota indray mandeha Izy; fa ny amin' ny ahavelomany kosa, dia velona ho an' Andriamanitra Izy. **11** Ary aoka ho tahaka izany koa ianareo, ka ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin' ny ota, fa velona ho an' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy. **12** Koa aza avela ny ota hanjaka amin' ny tenanareo mety maty hanarahanareo ny filany; **13** ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin' ny ota ho fiadian' ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an' Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian' ny fahamarinana ho an' Andriamanitra. **14** Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin' ny lalàna ianareo, fa ambanin' ny fahasoavana. **15** Ahoana ary? hanota va isika, saingy tsy ambanin' ny lalàna, fa ambanin' ny fahasoavana? Sanatria izany! **16** Tsy fantatrareo va fa raha manolo-tena ho mpanompo ianareo na ho an' iza na ho an' iza, dia mpanompon' izay arahinareo ianareo, na ny ota ho amin' ny fahafatesana, na ny fanarahana ho amin' ny fahamarinana? **17** Ary isaorana anie Andriamanitra, fa na dia efa mpanompon' ny ota aza ianareo, ny fonareo dia efa nanaraka ny fomban' ny fampianarana izay nanolorana anareo; **18** ary rehefa natao afaka tamin' ny ota ianareo, dia tonga mpanompon' ny fahamarinana. **19** Miteny araka ny fanaon' ny olona aho noho ny fahalemen' ny nofonareo; fa tahaka ny nanoloranareo ny momba ny tenanareo ho mpanompon' ny fahalotoana sy ny tsi-fanarahan-dalàna hahatanteraka ny tsi-fanarahan-dalàna, dia mba atolory ankehitriny toy izany koa ny momba ny tenanareo ho mpanompon' ny fahamarinana hahatanteraka ny fahamasinana. **20** Fa fony mpanompon' ny ota ianareo, dia afaka tamin' ny fahamarinana. **21** Inona ary no vokatra azonareo fahiny tamin' izay zavatra mahamenatra anareo ankehitriny? fa fahafatesana no hiafaran' izany zavatra izany. **22** Fa ankehitriny, rehefa natao afaka tamin' ny ota ianareo ka efa tonga mpanompon' Andriamanitra, dia manana ny vokatrareo ho amin' ny fahamasinana, ary ny farany dia fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **23** Fa fahafatesana no tambin' ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika. **(aiōnios g166)**

7 Tsy fantatrareo, va, ry rahalahy (fa miteny amin' izay mahalala ny lalàna aho), fa ny lalàna dia manapaka ny olona, raha mbola velona izy? **2** Fa ny vehivavy izay manambady dia fehezin' ny lalàna ho an' ny lahy, raha mbola velona ny lahy; fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka amin' ny lalàn' ny lahy izy. **3** Koa raha mbola velona ny lahy, ka manambady olon-kafa ravehivavy, dia hatao hoe mpijangajanga izy; fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka amin' izany lalàna izany izy ka tsy mba mpijangajanga, na dia manambady olon-kafa aza. **4** Ary amin' izany ianareo koa, ry rahalahiko, dia efa natao maty ny amin' ny lalàna noho ny tenan' i Kristy, mba ho vadin' ny hafa ianareo, dia Izay natsangana tamin' ny maty, mba hahavokarantsika ho an' Andriamanitra. **5** Fa fony tao amin' ny nofo isika, dia ny filan' ny ota, izay nohetsehin' ny lalàna, no niasa tao amin' ny momba ny tenantsika hahavokatra ho amin' ny fahafatesana. **6** Fa ankehitriny dia efa afaka tamin' ny lalàna isika, satria maty ny amin' izay nihazonana antsika, ka dia manompo amin' ny havaozam-panahy isika, fa tsy amin' ny hahelan-tsoratra. **7** Inona ary no holazaintsika? Ota va ny lalàna? Sanatria izany! Kanefa tsy nahalala ny ota aho, raha tsy tamin' ny lalàna, satria tsy fantatro akory ny fitsiriritana, raha tsy ny lalàna no nanao hoe: Aza mitsiriritra. **8** Fa io didy io dia nentin' ny ota nampihetsika ny fitsiriritana rehetra tato anatiko; fa maty ny ota, raha tsy misy lalàna. **9** Ary izaho dia velona tsy nanan-dalàna fahiny; fa rehefa tonga kosa ny didy, dia velona indray ny ota, ka dia maty aho. **10** Ary ny didy izay natao hahazoana fiainana, dia hitako fa nahatonga fahafatesana tamiko kosa. **11** Fa io didy io dia nentin' ny ota namitaka sy nahafaty ahy. **12** Ka dia masìna tokoa ny lalàna, ary masìna ny didy sady marina no tsara. **13** Koa ny tsara va no nahafaty ahy? Sanatria izany! Fa ny ota no nahafaty ahy, mba hiseho ho ota; fa ny tsara no nentiny nahafaty ahy, mba ho tonga ota indrindra ny ota noho ny nataon' ny lalàna. **14** Fa fantatsika fa araka ny fanahy ny lalàna; fa izaho kosa nofo, namidy ho andevon' ny ota. **15** Fa izay ataoko dia tsy fantatro; fa tsy izay sitrako no ataoko; fa izay halako no ataoko. **16** Fa raha manao ny tsy sitrako aho, dia manaiky fa tsara ny lalàna. **17** Ary amin' izany tsy izaho intsony no manao izany, fa ny ota izay mitoetra ato anatiko. **18** Fa fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitoetra ato amiko, dia ato amin' ny nofoko; fa ato anatiko ihany ny fikasana, saingy ny hahatanteraka ny tsara no tsy ato. **19** Fa tsy ny tsara izay sitrako no ataoko; fa ny ratsy izay tsy sitrako no ataoko. **20** Fa raha ny tsy sitrako no ataoko, dia tsy izaho intsony no manao izany, fa ny ota izay mitoetra ato amiko. **21** Koa hitako izao lalàna izao: raha ta-hanao ny marina aho, dia ato amiko ihany ny ratsy. **22** Fa mankasitraka ny lalàn' Andriamanitra aho araka ny toetra anaty; **23** nefa mahita lalàna hafa amin' ny momba ny tenako aho, miady amin' ny lalàn' ny

saiko ka mamabo ahy ho an' ny lalàn' ny ota izay ao amin' ny momba ny tenako. **24** Indrisy! olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy amin' ny tenan' ity fahafatesana ity? **25** Misaotra an' Andriamanitra aho amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika. Koa raha ny amiko, dia mankatò ny lalàn' Andriamanitra aho amin' ny saiko, fa ny lalàn' ny ota kosa amin' ny nofoko.

8 Ary amin' izany dia tsy misy fanamelohana ho an' izay ao amin' i Kristy Jesosy. **2** Fa ao amin' i Kristy Jesosy ny lalàn' ny Fanahin' aina no nahafaka ahy tamin' ny lalàn' ny fahotana sy ny fahafatesana. **3** Fa izay tsy hain' ny lalàna, satria ny nofo no nahalemy azy, dia vitan' Andriamanitra tamin' izy naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny nofo ota sy ny amin' ny ota, ka nanameloka ny ota tao amin' ny nofo, **4** mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain' ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy. **5** Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo; fa izay araka ny Fanahy kosa mihevitra izay zavatry ny Fanahy. **6** Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana; fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana, sy fiadanana **7** satria fandrafiana an' Andriamanitra ny fihevitry ny nofo; fa tsy manaiky ny lalàn' Andriamanitra, sady tsy hainy akory izany. **8** Ary izay ao amin' ny nofo dia tsy mahay manao ny sitrapon' Andriamanitra. **9** Fa ianareo tsy ao amin' ny nofo, fa ao amin' ny Fanahy, raha ny Fanahin' Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo. Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin' i Kristy, dia tsy Azy izy. **10** Fa raha Kristy no mitoetra ao anatinareo, na dia maty ihany aza ny tena noho ny ota, dia fiainana kosa ny fanahy noho ny fanamarinana. **11** Ary raha ny Fanahin' izay nanangana an' i Jesosy tamin' ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an' i Kristy Jesosy tamin' ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin' ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo. **12** Ary amin' izany, ry rahalahy, dia mpitrosa isika — tsy amin' ny nofo anefa, ka ho velona araka ny nofo. **13** Fa raha velona araka ny nofo ianareo, dia tsy maintsy maty; fa raha ny Fanahy no amonoanareo ny asan' ny tena dia ho velona ianareo. **14** Fa izay tarihin' ny Fanahin' Andriamanitra no zanak' Andriamanitra. **15** Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin' ny tahotra indray ianareo, fa nandray ny fanahin' ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe: Aba, Ray ô. **16** Ny Fanahy dia miara-milaza amin' ny fanahintsika fa zanak' Andriamanitra isika. **17** Ary raha zanaka, dia mpandova; eny, sady mpandova an' Andriamanitra no mpiray lova amin' i Kristy koa, raha miara-miaritra aminy isika mba hiara-manam-boninahitra aminy koa. **18** Fa ataoko fa ny fahoriana amin' izao andro ankehitriny izao dia tsy tokony hoharina amin' ny voninahitra izay haseho amintsika. **19** Fa izao zavatra ary rehetra izao dia samy maniry fatratra ka miandry ny fampisehoana ireo zanak' Andriamanitra; **20** fa izao zavatra ary rehetra izao dia nampanekena ho zava-poana, nefa tsy noho ny sitrapony, fa noho Izay nampanaiky azy, **21** sady nahazo fanantenana koa fa izao zavatra ary rehetra izao aza dia hovotsorana amin' ny fahandevozana, dia ny fahalòvana, ho amin' ny fahafahana izay momba ny voninahitr' ireo zanak' Andriamanitra. **22** Fa fantatsika fa izao zavatra ary rehetra izao dia miara-misento sy miara-marary toy izay efa hiteraka mandraka ankehitriny; **23** ary tsy izany ihany, fa isika koa, na dia manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy aza, isika aza dia misento ato anatintsika, miandry ny fananganan' anaka, dia ny fanavotana ny tenantsika. **24** Fa ny fanantenana no namonjena antsika; nefa ny fanantenana hita dia tsy mba fanantenana intsony; fa ahoana no mbola anantenan' ny olona izay efa hitany? **25** Fa raha isika manantena izay tsy mbola hitantsika, dia miandry amin' ny faharetana. **26** Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin' ny fitarainana tsy azo tononina. **27** Ary Izay mandinika ny fo no mahalala izay hevitry ny Fanahy, satria araka an' Andriamanitra ny fifonany ho an' ny olona masìna. **28** Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an' Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo. **29** satria izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin' ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin' ny rahalahy maro Izy. **30** Ary izay notendreny no nantsoiny koa; ary izay nantsoiny no nohamarininy koa; ary izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa. **31** Inona ary no holazaintsika ny amin' izany zavatra izany? Raha Andriamanitra momba antsika, iza no hahatohitra antsika? **32** Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra? **33** Iza no hiampanga ny olom-boafidin' Andriamanitra? Andriamanitra no manamarina azy. **34** Iza no manameloka? Kristy Jesosy no efa maty, eny, sady nitsangana tamin' ny maty koa ka mitoetra eo amin' ny tanana ankavanan' Andriamanitra ary mifona ho antsika. **35** Iza no hahasaraka antsika amin' ny fitiavan' i Kristy? Fahoriana va, sa fahantrana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra? **36** Araka ny voasoratra hoe: Fa noho ny aminao no namonoana anay mandrakariva; Toy ny ondry hovonoina no fijery anay. **37** Kanefa amin' izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin' ny alalan' ilay tia antsika. **38** Fa matoky aho fa na fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, **39** na ny ambony, na ny ambany, na inona na inona amin' izao zavatra ary rehetra izao, dia tsy hahasaraka antsika amin' ny fitiavan' Andriamanitra izay ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika.

9 Milaza ny marina ao amin' i Kristy aho, fa tsy mandainga, sady miara-milaza amiko ao amin' ny Fanahy Masìna koa ny fieritreretako, **2** fa mafy ny alaheloko, ka tsy mety mitsahatra ny fahorian' ny foko. **3** Fa efa saiky niriko aza ho voaozona ho afaka tamin' i Kristy ny tenako mba hahavonjeko ny rahalahiko, havako araka ny nofo, **4** izay Isiraelita sady manana ny fananganan' anaka sy ny voninahitra sy ny fanekena sy ny fanomezana ny lalàna sy ny fombam-pivavahana ary ny teny fikasana; **5** azy koa ny razana, sady avy taminy araka ny nofo Kristy, Izay

ambonin' izy rehetra, Andriamanitra isaorana mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **6** Kanefa tsy lazaiko fa foana ny tenin' Andriamanitra tsy akory. Fa tsy izay rehetra avy amin' ny Isiraely no Isiraely. **7** Ary na dia taranak' i Abrahama aza ireo, tsy dia ary zanany avokoa; fa avy amin' isaka no hantsoina izay taranaka ho anao. **8** Izany hoe: Tsy ny zanaky ny nofo no zanak' Andriamanitra; fa ny zanaky ny teny fikasana no isaina ho taranaka. **9** Fa izao no filàzan' ny teny fikasana: Raha avy ny taona toy izao, dia ho avy Aho, ary hanana zazalahy Saraha. **10** Ary tsy izany ihany, fa Rebeka koa dia nanan' anaka tamin' ny anankiray, dia tamin' isaka razantsika; **11** fa raha tsy mbola teraka ireo, ary tsy mbola nanao tsara na ratsy (mba hitoeran' ny fikasan' Andriamanitra araka ny fifidianana, tsy avy amin' ny asa, fa avy amin' izay miantso), **12** dia nolazaina tamin-dravehivavy hoe: Ny zokiny hanompo ny zandriny; **13** araka ny voasoratra hoe: Jakoba no tiako, fa Esao no halako. **14** Ahoana ary no holazaintsika? Misy tsi-fahamarinana va amin' Andriamanitra? Sanatria izany! **15** Fa hoy Izy tamin' i Mosesy: Izaho hiantra izay hiantrako, ary hamindra fo amin' izay hamindrako fo. **16** Koa dia tsy avy amin' izay maniry na amin' izay mihazakazaka izany, fa avy amin' Andriamanitra Izay miantra. **17** Fa hoy ny Soratra Masìna tamin' i Farao: Izany no nanandratako anao, mba ho entiko mampiseho ny heriko, ary mba hanambarana ny anarako any amin' ny tany rehetra. **18** Koa izay tiany hamindrana fo no amindrany fo, ary izay tiany hohamafina fo no hamafiny fo. **19** Hianao ary dia hanao amiko hoe: Koa nahoana Izy no manome tsiny ihany? Fa iza no manohitra ny sitrapony? **20** Tsia, ralehilahy, fa iza moa ianao, no mamaly an' Andriamanitra? Izay zavatra noforonina va hanao amin' izay namorona azy hoe: Nahoana Hianao no nanao ahy toy izao? **21** Ny mpanefy vilany va tsy manam-pahefana amin' ny tanimanga, ka ny vongany iray ihany no anaovany zavatra samy hafa, ny iray hohajaina, ary ny iray hatao tsinontsinona? **22** Sa ahoana kosa raha Andriamanitra, na dia ta-haneho ny fahatezerany sy hampahafantatra ny heriny aza, dia be fahari-po ka nandefitra tamin' izay fanaky ny fahatezerana voavoatra hosimbana, **23** mba hampahafantarina koa ny haren' ny voninahiny amin' izay fanaky ny famindram-po, izay namboariny rahateo hahazo voninahitra, **24** dia isika izay nantsoiny koa, tsy ny avy amin' ny Jiosy ihany, fa ny avy amin' ny jentilisa koa, **25** araka izay lazainy eo amin' i Hosea hoe: Hiantso ny tsy oloko hoe oloko Aho; Ary ilay tsy malala hoe malala; **26** Ary any amin' ny tany izay nilazana taminy hoe: Tsy oloko ianareo, Dia any no hiantsoana azy hoe zanak' Andriamanitra velona. **27** Ary Isaia milaza ny amin' ny Isiraely hoe: Na dia toy ny fasika any amin' ny ranomasina aza ny isan' ny Zanak' isiraely, dia izay sisa ihany no hovonjena; **28** fa amin' ny fahatanterahana faingana no hanefan' i Jehovah ny teniny ambonin' ny tany; **29** ary araka izay nolazain' Isaia fahiny hoe: Raha tsy Jehovah, Tompon' ny maro, no namela taranaka ho antsika, Dia efa tonga tahaka an' i Sodoma sy tonga tahaka an' i Gomora isika. **30** Ahoana ary no holazaintsika? Ny jentilisa, izay tsy nitady fahamarinana, no nahazo fahamarinana, nefa fahamarinana izay avy amin' ny finoana? **31** fa ny Isiraely, izay nitady lalàn' ny fahamarinana kosa, dia tsy nahatratra izany lalàna izany. **32** Nahoana moa? Satria tsy tamin' ny finoana, fa toa tamin' ny asa, ka tafintohina tamin' ny vato mahatafintohina izy; **33** araka ny voasoratra hoe: Indro Aho mametraka vato mahatafintohina sy vatolampy mahasolafaka ao Ziona; Ary izay mino Azy tsy ho menatra.

10 Ry rahalahy, ny irin' ny foko sy ny angatahiko amin' Andriamanitra ho an' ireny dia famonjena. **2** Fa vavolombelon' ireny aho fa mazoto ho an' Andriamanitra izy, saingy tsy araka ny fahalalana. **3** Fa satria tsy nahalala ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra izy ka nitady hanamarina ny tenany, dia tsy nanaiky ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra. **4** Fa Kristy no faran' ny lalàna ho fahamarinana ho an' izay rehetra mino. **5** Fa Mosesy nanoratra milaza fa izay olona manao ny fahamarinana avy amin' ny lalàna no ho velona amin' izany. **6** Fa ny fahamarinana izay avy amin' ny finoana kosa manao hoe: Aza milaza ao am-ponao hoe; Iza no hiakatra any an-danitra? (dia ny hampidina an' i Kristy izany,) **7** na: Iza no hidina any amin' ny lalina? (dia ny hampiakatra an' i Kristy avy any amin' ny maty izany.) **(Abyssos g12)** **8** Fa ahoana no lazainy? Eo akaikinao ny teny, dia eo am-bavanao sy ao am-ponao, dia ny teny ny amin' ny finoana, izay torinay; **9** satria raha manaiky an' i Jesosy ho Tompo amin' ny vavanao ianao ary mino amin' ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin' ny maty, dia hovonjena ianao. **10** Fa amin' ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin' ny vava no anekena hahazoana famonjena. **11** Fa hoy ny Soratra Masìna: Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy. **12** Fa tsy misy hafa, na Jiosy na jentilisa, fa iray ihany no Tompon' izy rehetra, sady manan-karena homeny izay rehetra miantso Ary Izy. **13** Fa izay rehetra miantso ny anaran' ny Tompo no hovonjena. **14** Hataony ahoana ary no fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana no fino izay Olona tsy reny? Ary hataony ahoana no fandre raha tsy misy mpitory? **15** Ary hataony ahoana no fitory, raha tsy nirahina? araka ny voasoratra hoe: Akory ny hatsaran' ny tongotr' iry mitondra teny soa mahafaly! **16** Nefa tsy izy rehetra no nanaiky ny teny soa mahafaly. Fa hoy Isaia: Jehovah ô, iza no nino ny teny nampitondraina anay? **17** Koa ny finoana dia avy amin' ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin' ny tenin' i Kristy. **18** Fa hoy izaho: Sao tsy nahare izy? Tsia; fa Efa nivoaka ho any amin' ny tany rehetra ny feony, Ary izay mino Ary tsy ho menatra, Ary ny teniny hatramin' ny faran' izao rehetra izao. **19** Fa hoy izaho: Sao tsy nahalala ny Isiraely? Voalohany, Mosesy manao hoe: Izaho hampialona anareo amin' izay tsy firenena, Dia amin' ny firenena adala no hampahasosorako anareo. **20** Fa sahy mihitsy Isaia ka manao hoe: Hitan' izay tsy nitady Ahy Aho, Ary niseho tamin' izay tsy nanontany Ahy. **21** Fa ny amin' ny Isiraely dia hoy izy: Mandritra ny andro no efa naninjirako ny tanako tamin' izay firenena sady tsy manaraka no mandà.

11 Dia hoy izaho: Sao narian' Andriamanitra anie ny olony? Sanatria izany! fa izaho koa mba Isiraelita' taranak' i Abrahama ihany, avy amin' ny firenen' i Benjamina.

2 Andriamanitra tsy nanary ny olony izay efa fantany rahateo; sa tsy fantatrareo izay lazain' ny Soratra Masìna eo amin' ny tantaran' i Elia, dia ilay fitarainany tamin' Andriamanitra nentiny namely ny Isiraely hoe: **3** Jehovah ô, efa namono ny mpaminaninao sy nandrava ny alitaranao izy: ary izaho irery ihany no sisa, ka mitady ny aiko koa izy? **4** Fa ahoana no navalin' Andriamanitra azy? Izaho efa niaro fito arivo lahy ho Ahy, dia izay tsy mba nandohalika tamin' i Bala. **5** Dia toy izany koa amin' izao andro ankehitriny izao misy sisa ihany araka ny fifidianana amin' ny fahasoavana. **6** Ary raha avy amin' ny fahasoavana izany, dia tsy mba avy amin' ny asa intsony; fa raha izany, dia tsy fahasoavana intsony ny fahasoavana. **7** Ahoana ary? Izay notadiavin' ny Isiraely dia tsy azony, fa ny voafidy ihany no nahazo izany, fa nohamafina ny fon' ny sisa; **8** araka ny voasoratra hoe: Andriamanitra efa nanome azy fanahy sondrian-tory sy maso tsy hahita, ary sofina tsy hahare, mandraka androany **9** Ary hoy Davida: Aoka ny latabany ho fandrika sy ho tonta Ary ho fahatafintohinana sy ho famaliana azy; **10** Aoka ny masony ho jamba tsy hahita, Ary aoka hamokoka mandrakariva izy. **11** Dia hoy izaho: Sao dia tafintohina ho lavo anie ny Isiraely? Sanatria izany! fa ny fahatafintohinany no nahatonga famonjena ho an' ny jentilisa mba hampialona azy. **12** Ary raha ny fahatafintohinany no tonga haren' izao tontolo izao, ary ny nihenany no tonga haren' ny jentilisa, mainka fa ny hafenoany. **13** Fa ianareo jentilisa no itenenako. Koa satria Apostolin' ny jentilisa aho, dia mankalaza ny fanompoako, **14** raha mba misy hahazoako hampialona ireo mifanapatsinay amiko, mba hamonjeko ny sasany aminy. **15** Fa raha ny fanariana azy no fampihavanana izao tontolo izao, tsy ho fitsanganana amin' ny maty ny fandraisana azy? **16** Ary koa, raha masìna ny santatra, dia masìna koa ny vongany; ary raha masìna ny fakany, dia masìna koa ny sampany. **17** Fa raha notapahina ny sampany sasany, ary ianao izay tahaka ny hazo oliva maniry ho azy kosa no natsofoka teo aminy mba niombona ny fakan' ny menaky ny hazo oliva **18** dia aza mirehareha amin' ny sampany; fa raha mirehareha ianao, tsy ianao no mitondra ny fakany, fa ny fakany no mitondra anao. **19** Ary ianao dia hanao hoe: Notapahina ny sampany sasany hanatsofohana ahy. **20** Marina ihany izany; ny tsi-finoany no nanapahana azy, ary ny finoanao kosa no itoeranao. Aza miavonavona, fa matahora; **21** fa raha ny tena sampana aza tsy navelan' Andriamanitra, dia tsy havelany koa ianao. **22** Koa indro ny fahamoram-panahin' Andriamanitra sy ny fahasaro-pony: amin' izay lavo dia fahasaro-po; fa aminao kosa dia fahamoram-panahin' Andriamanitra, raha maharitra ao amin' ny fahamoram-panahiny ianao; fa raha tsy izany, dia hotapahina koa ianao. **23** Ary ireny kosa, raha tsy mikikitra eo amin' ny tsi-finoana, dia hatsofoka ihany; fa azon' Andriamanitra atsofoka indray izy. **24** Fa raha notapahina tamin' ny hazo oliva naniry ho azy ianao ka natsofoka tamin' ny hazo oliva tsara, nefa tsy tena sampany, mainka fa izay tena sampany no hatsofoka amin' ny hazo oliva nanapahana azy. **25** Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo izany zava-miafina izany, ry rahalahy (fandrao mihevitra ny tenanareo ho hendry ianareo), fa efa misy fahamafiam-po manjo ny Isiraely sasany mandra-piditry ny hafenoan' ny jentilisa; **26** ary amin' izany dia hovonjena avokoa ny Isiraely rehetra, — araka ny voasoratra hoe: Hivoaka avy any Ziona ny Mpanafaka, Ary hampiala ny haratsiam-panahy amin' i Jakoba Izy; **27** Ary izao no fanekeko aminy, raha manaisotra ny fahotany Aho. **28** Raha ny amin' ny filazantsara dia fahavalo izy noho ny aminareo; fa raha ny amin' ny fifidianana kosa dia malala izy noho ny amin' ny razana. **29** Fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoan' Andriamanitra dia tsy misy hanenenany. **30** Fa tahaka anareo tsy nanaiky an' Andriamanitra fahiny, nefa ankehitriny ny tsi-faneken' ireny no nahazoanareo famindram-po, **31** dia toy izany kosa ankehitriny, tsy nanaiky ireny, mba hahazoany famindram-po ankehitriny noho ny famindram-po azonareo. **32** Fa Andriamanitra nanidy azy rehetra tamin' ny tsi-fanekena, mba hamindrany fo amin' izy rehetra. **(eleēsē g1653)** **33** Endrey ny halalin' ny haren' Andriamanitra sy ny fahendreny ary ny fahalalany! ny fitsarany tsy hita lany, ary ny lalany tsy azo fantarina! **34** Fa iza no nahalala ny sain' i Jehovah? ary iza no mpanolotsaina Azy? **35** Na iza no nanome Azy aloha hamaliana azy indray? **36** Fa Izy no nihavian' izao zavatra rehetra izao, ary Izy no mihazona azy, sady Izy koa no antony; Izy anie no homem-boninahitra mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)**

12 Koa amin' izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon' Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masìna, sitrak' Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. **2** Ary aza manaraka ny fanaon' izao tontolo izao; fa miovà amin' ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon' Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina. **(aiōn g165)** **3** Fa noho ny fahasoavana nomena ahy dia izao no lazaiko amin' ny olona rehetra izay eo aminareo: Aza mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina; fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny finoana izay nozarain' Andriamanitra ho anareo avy. **4** Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, nefa tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena, **5** dia toy izany koa isika, na dia maro aza, dia tena iray ihany ao amin' i Kristy, ary samy miara-momba ny tena isika rehetra. **6** Ary satria samy manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika, araka ny fahasoavana izay nomena antsika: raha faminaniana, dia aoka hatao araka ny ohatry ny finoana; **7** raha fanompoana amin' ny fiangonana, dia aoka ho amin' ny fanompoana; raha mampianatra, dia aoka ho amin' ny fampianarana; **8** raha mananatra, dia aoka ho amin' ny fananarana; izay manome, dia aoka ho amin' ny fahatsoram-po; izay manapaka, dia aoka ho amin' ny fahazotoana; izay mamindra fo, dia aoka ho amin' ny fifaliana. **9** Aoka ny fitiavana ho amin' ny tsi-fihatsaram-belatsihy; mankahalà ny ratsy; mifikira amin' ny tsara. **10** Mifankatiava araka ny fifankatiavan' ny mpirahalahy; mitariha lalana amin' ny fifanomezam-boninahitra. **11** Mazotoa, fa aza malaina, ary aoka hafana fo amin' ny fanompoana ny Tompo. **12** Mifalia amin' ny fanantenana; miareta amin' ny fahoriana; mahareta amin' ny fivavahana. **13** Miantrà ny olona masìna araka

izay ilainy; mazotoa mampiantrano vahiny. **14** Misaora izay manenjika anareo; misaora, fa aza manozona. **15** Miaraha mifaly amin' izay mifaly, ary miaraha mitomany amin' izay mitomany. **16** Miraisa saina. Aza mihevitra izay hiavonavonana, fa aoka mba ho zatra amin' ny fietrena ianareo. Aza manao ny tenanareo ho hendry. **17** Aza mamaly ratsy na amin' iza na amin' iza. Miomàna hanao izay mahamendrika eo imason' ny olona rehetra. **18** Raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin' ny olona rehetra. **19** Ry malala, aza mamaly ratsy, fa omeo lalana ny fahatezerana; fa voasoratra hoe: Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly, hoy Jehovah. **20** Fa raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; raha mangetaheta izy, omeo hosotroiny; fa raha manao izany ianao, dia hanambatra vainafo ho eo an-dohany. **21** Aza mety ho resin' ny ratsy ianao, fa reseo amin' ny soa ny ratsy.

13 Aoka ny olona rehetra samy hanaiky ny fahefana lehibe. Fa tsy misy fahefana afa-tsy izay avy amin' Andriamanitra; fa izay misy dia voatendrin' Andriamanitra. **2** Koa izay manohitra ny fahefana dia manohitra ny voatendrin' Andriamanitra; ary izay manohitra dia hahazo fahamelohana. **3** Fa ny mpanapaka dia tsy mba tahotry ny manao tsara, fa ny manao ratsy ihany. Ary ny tsy hatahotra ny fahefana va no tianao? Ataovy ary izay tsara, dia hahazo dera avy aminy ianao; **4** fa mpanompon' Andriamanitra izy hahatsara anao. Fa raha ratsy kosa no nataonao, dia matahora' fa tsy entiny foana tsy akory ny sabatra; fa mpanompon' Andriamanitra izy, dia mpamaly handatsaka fahatezerana amin' izay manao ratsy. **5** Koa tsy maintsy manaiky ny olona, nefa tsy noho ny fahatezerana ihany, fa noho ny fieritreretana koa. **6** Fa noho izany no andoavanareo vola hetra; fa mpanompon' Andriamanitra mitandrina izany zavatra izany indrindra ireny. **7** Mandoava amin' izy rehetra izay tokony ho azy avy: vola hetra ho an' izay tokony handoavan-ketra, fadin-tseranana ho an' izay tokony handoavana fadin-tseranana' tahotra ho an' izay tokony hatahorana, haja ho an' izay tokony hohajaina. **8** Aza avela hisy tsy voaloa na amin' iza na amin' iza, afa-tsy ny fifankatiavanareo ihany; fa izay tia ny namany dia efa nahatanteraka ny lalàna. **9** Fa ny hoe: Aza mijangajanga, aza mamono olona, aza mangalatra, aza mitsiriritra zavatr' olona, mbamin' izay didy hafa rehetra, dia samy efa ao anatin' izao teny izao hoe: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao. **10** Ny fitiavana tsy manisy ratsy ny namana; koa dia ny fitiavana no fahatanterahana ny lalàna. **11** Ary tokony hanao izany indrindra isika, satria fantatsika ny andro, fa ankehitriny izao dia ora tokony hifohazanareo amin' ny fahatoriana; fa ankehitriny ny famonjena antsika dia akaiky noho ny tamin' ny andro vao ninoantsika. **12** Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro, koa aoka hariantsika ny asan' ny maizina ka hitafiantsika ny fiadian' ny mazava. **13** Aoka isika hitondra tena tsara toy ny amin' ny andro; tsy amin' ny filalaovan-dratsy, na amin' ny fahamamoana, tsy amin' ny fijangajangana, na amin' ny fijejojejoana, tsy amin' ny fifandirana, na amin' ny fialonana. **14** Fa itafio Jesosy Kristy Tompo, ary aza miahy ny amin' ny nofo hahatanteraka ny filany.

14 Ary raiso ny malemy finoana, nefa aza, mandray azy hitsaranareo ny eritreriny. **2** Ny anankiray mino fa mahazo mihinana ny zavatra rehatra izy, fa ny anankiray kosa malemy finoana, ka dia mihinana zava-maniry ihany. **3** Aoka ny mihinana tsy hanamavo ny tsy mihinana; ary aoka kosa ny tsy mihinana tsy hitsara ny mihinana; fa Andriamanitra no efa nandray ary. **4** Iza moa ianao izay mitsara ny mpanompon' ny hafa? Amin' ny tompony ihany no ijoroany na ahalavoany. Nefa hampitoerina ihany izy; fa mahay mampitoetra azy ny Tompo. **5** Ny anankiray manao ny andro anankiray ho mihoatra noho ny andro sasany; ary ny anankiray kosa manao ny andro rehetra hitovy. Aoka samy hatoky tsara ao amin' ny saininy avy izy. **6** Ny mitandrina ny andro dia mitandrina izany ho an' ny Tompo. Ary ny mihinana dia mihinana ho an' ny Tompo, satria misaotra an' Andriamanitra izy; ary ny tsy mihinana kosa dia tsy mihinana ho an' ny Tompo, sady misaotra an' Andriamanitra koa izy. **7** Fa tsy misy velon-ko an' ny tenany isika, ary tsy misy maty ho an' ny tenany. **8** Fa raha velona isika, dia velona ho an' ny Tompo; ary raha maty isika, dia maty ho an' ny Tompo; koa amin' izany, na velona na maty isika, dia an' ny Tompo ihany. **9** Fa izany no nahafatesan' i Kristy sy nahavelomany indray, mba ho Tompon' ny maty sy ny velona Izy. **10** Fa nahoana ianao no mitsara ny rahalahinao? Ary nahoana kosa ianao no manao tsinontsinona ny rahalahinao? Fa samy hiseho eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra isika rehetra. **11** Fa voasoratra hoe: Raha velona koa Aho, hoy Jehovah, ny lohalika rehetra handohalika amiko, Ary ny lela rehetra hidera an' Andriamanitra. **12** Koa samy hampamoahin' Andriamanitra ny amin' ny tenany avy isika rehetra. **13** Koa aza mifampitsara intsony isika; fa aleo mihevitra izao, dia ny tsy hanisy fandavoana na fanafintohinana eo anoloan' ny rahalahy. **14** Mahalala sady matoky ao amin' i Jesosy Tompo aho fa tsy misy zavatra maloto ho azy; fa raha misy manao zavatra ho maloto, dia aminy ihany no maloto izany. **15** Fa raha mampalahelo ny rahalahinao ny fihinanao, dia tsy mba manaraka ny fitiavana intsony ianao. Aza ny fihinanao no animbanao azy, fa efa maty Kristy hamonjy azy. **16** Aoka ary tsy mba hotenenina ratsy ny fahasoavana azonareo. **17** Fa ny fanjakan' Andriamanitra dia tsy amin' ny fihinanana sy ny fisotroana, fa fahamarinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin' ny Fanahy Masìna. **18** Fa izay manompo an' i Kristy amin' izany zavatra izany no sitrak' Andriamanitra sy eken' ny olona fa tsara. **19** Koa dia aoka isika hiezaka hitady ny momba ny fiadanana sy ny momba ny fifampandrosoana. **20** Aza izay hanina no andravanao ny asan' Andriamanitra. Madio avokoa ny zavatra rehetra, nefa ratsy ho an' ny olona izay mihinana amin' ny fahatafintohinana. **21** Fa tsara ny tsy mihinana hena, na misotro divay, na manao izay hahatafintohina ny rahalahinao. **22** Ny finoana izay anananao dia hazòny ho anao eo anatrehan' Andriamanitra. Sambatra izay tsy manameloka ny tenany amin' izay zavatra ekeny. **23** Fa

izay miahanahana dia meloka raha homana, satria tsy avy amin' ny finoana izany; fa ota izay rehetra tsy avy amin' ny finoana.

15 Fa isika izay matanjaka dia tokony hitondra ny fahalemen' ny malemy ka tsy hitady izay hahafaly ny tenantsika ihany. **2** Aoka isika rehetra samy hitady izay hahafaly ny namantsika amin' izay hahasoa sy hampandroso azy. **3** Fa Kristy aza tsy nitady izay hahafaly ny tenany; fa araka ny voasoratra hoe: Ny latsa nataon' izay nandatsa Anao dia nihatra tamiko. **4** Fa izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho fianarantsika hananantsika ny fanantenana amin' ny faharetana sy ny fiononana avy amin' ny Soratra Masìna. **5** Fa Andriamanitry ny faharetana sy ny fiononana anie hampiray hevitra anareo araka an' i Kristy Jesosy, **6** mba ho saina iray sy vava iray no hiarahanareo mankalaza an' Andriamanitra, Rain' i Jesosy Kristy Tompontsika. **7** Koa mifandraisa ianareo tahaka ny nandraisan' i Kristy anareo koa ho voninahitr' Andriamanitra. **8** Fa lazaiko fa Kristy efa tonga mpanompon' ny voafora noho ny fahamarinan' Andriamanitra hahatò ny teny fikasana tamin' ny razana, **9** mba hankalazan' ny jentilisa an' Andriamanitra koa noho ny famindram-po, araka ny voasoratra hoe: Izany no hiderako Anao any amin' ny jentilisa Sy hankalazako ny anaranao. **10** Ary hoy koa Izy: Miravoravoa, ry jentilisa, mbamin' ny olony. **11** Ary koa: Midera' an' i Jehovah, ry jentilisa rehetra. Ary aoka hankalaza Azy ny firenena rehetra. **12** Ary hoy koa Isaia: Hisy Solofon' i Jese. Dia Ilay hitsangana hanapaka ny jentilisa; Izy no hitokian' ny jentilisa. **13** Ary Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin' ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin' ny finoanareo, mba hitomboanareo amin' ny fanantenana noho ny herin' ny Fanahy Masìna. **14** Fa izaho koa, ry rahalahiko, dia matoky ny aminareo fa feno fahatsarana ianareo sady mahay mifananatra koa. **15** Kanefa amin' ny fahasahiana no anoratako ny teny sasany aminareo, toy ny mampahatsiaro anareo indray noho ny fahasoavana nomen' Andriamanitra ahy, **16** mba ho mpanompon' i Kristy Jesosy ho an' ny jentilisa aho ka manao fanompoam-pivavahana amin' ny itoriako ny filazantsaran' Andriamanitra, mba horaisina amin' ny fankasitrahana ny fanatitra, dia ny jentilisa, rehefa nohamasinin' ny Fanahy Masìna. **17** Ka dia manana izay hataoko rehareha ao amin' i Kristy Jesosy aho noho ny amin' Andriamanitra. **18** Fa tsy sahiko lazaina izay zavatra tsy nampanaovin' i Kristy ahy, na tamin' ny teny, na tamin' ny asa, mba hampanaiky ny jentilisa, **19** dia tamin' ny herin' ny famantarana sy ny fahagagana, ary tamin' ny herin' ny Fanahy Masìna, dia hatrany Jerosalema ka manodidina hatrany Ilyrikiona, no nahatanterahako ny fitoriako ny filazantsaran' i Kristy. **20** Koa dia nataoko ho voninahitro ny hitory ny filazantsara toy izao: tsy eo amin' izay efa niantsoana an' i Kristy anefa, fandrao hanovona eo ambonin' izay efa naorin' ny sasany aho; **21** fa araka ny voasoratra hoe: Izay tsy nilazana Azy no hahita, Ary izay tsy nandre no hahafantatra. **22** Ary izany no nahasampona ahy matetika tsy hankany aminareo. **23** Fa ankehitriny, satria tsy misy antony intsony ny itoerako amin' ireto tany ireto sady efa naniry hatramin' ny taona maro hankany aminareo aho, **24** raha mankany Spania; fa manantena hahita anareo amin' ny alehako aho ka haterinareo ho any, rehefa afakafaka ny alaheloko anareo. **25** Fa ankehitriny dia efa hankany Jerosalema aho hanompo ny olona masìna. **26** Fa efa sitrapon' Makedonia sy Akaia ny hamory vola hiantrana ny malahelo amin' ny olona masìna any Jerosalema. **27** Eny, sitrapony izany, sady mpitrosa aminy izy. Fa raha ny jentilisa no niombona ny zava-panahy taminy, dia tokony hanompo azy kosa amin' ny zavatra momba ny nofo izy. **28** Ary rehefa vitako izany, ka voatolotro azy soa aman-tsara izany vokatra izany, dia hihazo any aminareo aho, raha mankany Spania. **29** Ary fantatro fa raha mankany aminareo aho, dia homba ahy ny fahafenoan' ny fitahian' i Kristy. **30** Ary mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny amin' i Jesosy Kristy Tompontsika sy ny fitiavana avy amin' ny Fanahy, mba hiarahanareo miezaka amiko amin' ny fivavahanareo amin' Andriamanitra ho ahy, **31** mba ho voavonjy amin' ny tsy mino any Jodia aho, ary mba hankasitrahan' ny ny olona masìna izay fanompoana hataoko any Jerosalema, **32** mba hankanesako any aminareo amin' ny fifaliana, raha sitrapon' Andriamanitra, ka samy ho velombelona ny fontsika. **33** Ary Andriamanitry ny fiadanana anie ho aminareo rehetra. Amena.

16 Indry, Foiby anabavintsika, diakon' ny fiangonana atỳ Kenkrea, lazaiko tsara aminareo, **2** mba horaisinareo ao amin' ny Tompo izy, toy izay miendrika ny olona masìna, ary mba hampianareo izy amin' izay raharaha ilany anareo; fa izy dia mpiahy ny maro mbamin' ny tenako koa. **3** Veloma amin' i Prisila sy Akoila, mpiara-miasa amiko ao amin' i Kristy Jesosy; **4** izy mivady dia nanolotra ny tendany hamonjy ny aiko; nefa tsy izaho ihany no misaotra azy, fa ny fiangonana rehetra any amin' ny jentilisa koa. **5** Ary veloma amin' ny fiangonana izay ao an-tranony. Veloma amin' i Epaineto malalako, izay voaloham-bokatr' i Asia ho an' i Kristy. **6** Veloma amin' i Maria, izay nikely aina fatratra ho anareo. **7** Veloma amin' i Androniko sy Jonia, havako sy namako niara-nifatotra tamiko, izay malaza eo amin' ny Apostoly sady tao amin' i Kristy talohako. **8** Veloma amin' i Ampliato, malalako ao amin' ny Tompo. **9** Veloma amin' i Orbano, mpiara-miasa aminay ao amin' i Kristy, sy Staky malalako. **10** Veloma amin' i Apela, ilay efa voazaha toetra ao amin' i Kristy. Veloma amin' ny ankohonan' i Aristobolo. **11** Veloma amin' i Herodiona havako. Veloma amin' ny ankohonan' i Narkisa, izay ao amin' ny Tompo. **12** Veloma amin' i Tryfena sy Tryfosa, izay mikely aina ao amin' ny Tompo. Veloma amin' i Perysa malala, izay nikely aina fatratra ao amin' ny Tompo. **13** Veloma amin' i Rofosy, ilay voafidy ao amin' ny Tompo, ary amin' ny reniny sy reniko. **14** Veloma amin' i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, mbamin' ny rahalahy ao aminy. **15** Veloma amin' i Filologo sy Jolia, Nerea sy ny anabaviny, sy Olympa ary ny olona masìna rehetra izay ao aminy. **16** Mifanaova veloma amin' ny fanorohana masìna. Ny fiangonana rehetra an' i Kristy manao veloma anareo. **17**

Fa izaho mananatra anareo, ry rahalahy, mba hitandrina ny amin' izay mahatonga ny fisarahana sy ny fahatafintohinana tsy araka ny fampianarana efa nianaranareo; mialà amin' ireny olona ireny. **18** Fa izy ireny tsy mba manompo an' i Kristy Tompontsika, fa ny kibony ihany; ary teny malefaka sady tsara lahatra no amitahany ny fon' ny tsy ary saina. **19** Fa efa niely any amin' ny olona rehetra ny lazan' ny fanarahanareo. Ary faly aho noho ny aminareo; satria tiako ho hendry amin' izay tsara ianareo, ary tsy hiharo amin' izay ratsy. **20** Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an' i Satana faingana eo ambanin' ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompontsika. **21** Manao veloma anareo Timoty, mpiara-miasa amiko, sy Losio sy Jasona ary Sosipatro havako. **22** Izaho, Tertio, izay manoratra ity epistily ity, manao veloma anareo ao amin' ny Tompo. **23** Gaio, ilay itoeranay sy ny fiangonana rehetra, manao veloma anareo. Erasto, mpitahiry ny volam-panjakana ato an-tanàna, sy Koarto rahalahy manao veloma anareo. **25** Ary ho an' izay mahay mampahery anareo araka ny filazantsarako sy ny fitoriana an' i Jesosy Kristy, araka ny fampisehoana ny zava-niafina, izay voàfina hatry ny fony fahagola, **(aiōnios g166)** **26** fa efa naseho ankehitriny tamin' izay soratry ny mpaminany, araka ny didin' Andriamanitra mandrakizay, ka nampahafantarina any amin' ny firenena rehetra hahatonga fanekena ny finoana, **(aiōnios g166)** **27** ho an' Andriamanitra tokana ihany sady hendry anie ny voninahitra amin' ny alalan' i Jesosy Kristy mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)**

1 Korintiana

1 Paoly, voantso ho Apostolin' i Jesosy Kristy noho
ny sitrapon' Andriamanitra, ary Sostena rahalahy, **2**
mamangy ny fiangonan' Andriamanitra any Korinto, dia
izay nohamasinina ao amin' i Kristy Jesosy, olona voantso
sady masìna, mbamin' izay rehetra miantso ny anaran' i
Jesosy Kristy Tompontsika eny amin' ny tany rehetra, dia
azy sy antsika: **3** ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny
fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesosy
Kristy Tompo. **4** Misaotra an' Andriamanitro mandrakariva
ny aminareo aho noho ny fahasoavan' Andriamanitra
izay nomena anareo ao amin' i Kristy Jesosy, **5** dia ny
nampananana harena anareo ao aminy amin' ny zavatra
rehetra, na ny teny rehetra, na ny fahalalana rehetra, **6**
araka ny niorenan' ny filazana an' i Kristy teo aminareo, **7** ka
dia tsy latsaka amin' ny fanomezam-pahasoavana rehetra
ianareo, miandry ny fisehoan' i Jesosy Kristy Tompontsika,
8 Izay hampiorina anareo koa hatramin' ny farany, ka dia
tsy hanan-tsiny ianareo amin' ny andron' i Jesosy Kristy
Tompontsika. **9** Mahatoky Andriamanitra, Izay nahatonga
ny fiantsoana anareo hanananareo firaisana amin' ny
Zanany, dia Jesosy Kristy Tompontsika. **10** Ary mananatra
anareo aho, ry rahalahy, amin' ny anaran' i Jesosy Kristy
Tompontsika, mba hiray teny ianareo rehetra, ka tsy hisy
fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara
ianareo hiray saina sy hevitra. **11** Fa efa voalazan' ny avy
amin' ny ankohonan' i Kloa tamiko ny amin' ny toetrareo, ry
rahalahiko, fa misy fifampiandaniana eo aminareo. **12** Izao
anefa no anaovako izany: Hianareo samy manao hoe: Izaho
an' i Paoly, na: Izaho an' i Apolosy, na: Izaho an' i Kefasy,
na: Izaho an' i Kristy. **13** Voazarazara va Kristy? Paoly va
no voahombo tamin' ny hazo fijaliana hamonjy anareo, sa
ho amin' ny anaran' i Paoly no nanaovam-batisa anareo?
14 Misaotra an' Andriamanitra aho fa tsy nisy nataoko batisa
ianareo afa-tsy Krispo sy Gaio, **15** fandrao misy milaza fa
efa natao batisa ho amin' ny anarako ianareo. **16** Nefa mba
efa nanao batisa ny ankohonan' i Stefanasy koa aho; afa-
tsy ireo dia tsy hitako izay nataoko batisa. **17** Fa Kristy
tsy naniraka ahy hanao batisa, fa hitory ny filazantsara,
tsy tamin' ny teny fahendrena, fandrao ho foana ny hazo
fijalian' i Kristy. **18** Fa ny teny ny amin' ny hazo fijaliana dia
fahadalana amin' izay ho very, fa herin' Andriamanitra kosa
amintsika izay hovonjena. **19** Fa voasoratra hoe: Hofoanako
ny fahendren' ny hendry, Ary holaviko ny fahalalan' ny
mahalala. **20** Aiza ny hendry? Aiza ny mpanora-dalàna?
Aiza ny mpiady hevitra avy amin' izao tontolo izao? Tsy
nampodin' Andriamanitra ho fahadalana va ny fahendren'
izao tontolo izao? **(aiōn g165)** **21** Fa satria, na dia naseho
aza ny fahendren' Andriamanitra, ny fahendrena dia tsy
nahatonga izao tontolo izao hahalala an' Andriamanitra, ka
dia ny fahadalan' ny fitorian-teny no sitrak' Andriamanitra
hamonjeny izay mino; **22** fa ny Jiosy mila famantarana,
ary ny jentilisa mitady fahendrena, **23** fa izahay kosa
mitory an' i Kristy voahombo tamin' ny hazo fijaliana, dia
fahatafintohinana amin' ny Jiosy ary fahadalana amin'
ny jentilisa, **24** fa amin' izay voantso kosa, na Jiosy na
jentilisa, dia Kristy, Izay herin' Andriamanitra sy fahendren'
Andriamanitra. **25** Fa ny fahadalan' Andriamanitra dia
hendry noho ny olona; ary ny fahalemen' Andriamanitra
mahery noho ny olona. **26** Fa hevero ny fiantsoana anareo,
ry rahalahy, fa tsy firy no olon-kendry araka ny nofo, tsy
firy no olona mahery, tsy firy no avo razana; **27** fa ny
adala amin' izao tontolo izao no nofidin' Andriamanitra
hampahamenatra ny hendry; ary ny malemy amin' izao
tontolo izao no nofidin' Andriamanitra hampahamenatra ny
mahery; **28** ary ny iva razana amin' izao tontolo izao sy izay
fanevateva no nofidin' Andriamanitra, dia ny atao ho tsy
misy aza, mba hahafoana ny misy, **29** mba tsy hisy nofo
hahazo mirehareha eo anatrehan' Andriamanitra. **30** Fa avy
aminy no nanaovana anareo ho ao amin' i Kristy Jesosy,
Izay nataon' Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana sy
fahamasinana ary fanavotana ho antsika, **31** mba ho araka
ny voasoratra hoe: Izay mirehareha, aoka Jehovah no ho
reharehany.

2 Ary izaho koa, ry rahalahy, raha tonga tany aminareo, dia
tsy tonga tamin' ny teny sy fahendrena marevaka, raha
nitory taminareo ny zava-miafina izay an' Andriamanitra. **2**
Fa ninia tsy hahafantatra zavatra hafa teo aminareo aho,
afa-tsy Jesosy Kristy, indrindra fa Izy voahombo tamin'
ny hazo fijaliana; **3** ary izaho, raha tany aminareo, dia
azon' ny fahalemena sy ny fahatahorana ary ny fangovitana
be; **4** ary ny teniko sy ny toriteniko dia tsy tamin' ny
teny fahendrena mahataona, fa tamin' ny fanehoan' ny
Fanahy sy ny hery, **5** mba tsy niorenan' ny finoanareo amin'
ny fahendren' ny olona, fa amin' ny herin' Andriamanitra
ihany. **6** Anefa milaza fahendrena amin' ny efa matanjaka
izahay, fa tsy ny fahendren' izao tontolo izao, na ny an'
ny mpanapaka izao tontolo izao, izay olona mihalevona;
(aiōn g165) **7** fa milaza ny fahendren' Andriamanitra izahay
ka maneho zava-niafina, dia fahendrena izay nafenina
sady voatendrin' Andriamanitra ho voninahitsika talohan'
ny nanaovana izao tontolo izao; **(aiōn g165)** **8** ary tsy nisy
nahalala izany ny mpanapaka izao tontolo izao; fa raha
nahalala izy, dia tsy nohomboany tamin' ny hazo fijaliana
ny Tompon' ny voninahitra. **(aiōn g165)** **9** Fa araka ny
voasoratra hoe: Izay tsy mbola hitan' ny maso ary tsy
mbola ren' ny sofina, na niditra tao am-pon' ny olona, na
inona na inona no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay
tia Azy, **10** dia isika no nanambaran' Andriamanitra izany
tamin' ny Fanahy; fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra
rehetra, na dia ny saina lalina izay an' Andriamanitra aza.
11 Fa iza no olona mahalala ny ao am-pon' olona, afa-
tsy ny fanahin' ny olona izay ao anatiny ihany? Ary toy
izany koa, tsy misy mahalala ny ao am-pon' Andriamanitra
afa-tsy ny Fanahin' Andriamanitra ihany. **12** Fa isika tsy
nandray ny fanahin' izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay
avy amin' Andriamanitra, mba ho fantatsika izay zavatra
nomen' Andriamanitra antsika. **13** Izany koa no lazainay,
tsy amin' ny teny ampianarin' ny fahendren' olona fa amin'
ny teny ampianarin' ny Fanahy, raha milaza zava-panahy
amin' izay olona araka ny Fanahy izahay. **14** Fa ny olona

izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an' ny Fanahin' Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany. **15** Fa ny olona araka ny Fanahy kosa dia mahafantatra ny zavatra rehetra, kanefa izy tsy fantarin' olona. **16** Fa iza no nahafantatra ny sain' ny Tompo mba hampianatra Azy? Fa izahay manana ny sain' i Kristy.

3 Ary izaho, ry rahalahy, tsy nahazo niteny taminareo tahaka ny amin' izay araka ny Fanahy, fa tahaka ny amin' izay mbola nofo, dia tahaka izay mbola zaza ihany ao amin' i Kristy. **2** Ronono no nomeko anareo, fa tsy ventinkanina, satria tsy mbola natanjaka ianareo; eny, mbola tsy matanjaka mandraka ankehitriny aza, **3** fa mbola araka ny nofo ihany ianareo. Fa raha misy fialonana sy fifandirana eo aminareo, tsy araka ny nofo va ianareo ka mandeha araka ny fanaon' ny olona? **4** Fa raha hoy ny anankiray: Izaho an' i Paoly, ary ny anankiray kosa: Izaho an' i Apolosy, moa tsy olona ihany va ianareo? **5** Koa inona moa Apolosy, ary inona moa Paoly? Mpanompo ihany izay nahatonga anareo ho mpino ireo, dia samy araka ny nomen' ny Tompo azy avy. **6** Izaho namboly, Apolosy nandena, fa Andriamanitra no nampitombo. **7** Ka dia tsinontsinona izay mamboly, na izay mandena, fa Andriamanitra Izay mampitombo no izy. **8** Ary iray ihany ny mpamboly sy ny mpandena; nefa samy handray izay valim-pitiany avy araka ny fisasarany izy. **9** Fa mpiara-miasa amin' Andriamanitra izahay; ary sahan' Andriamanitra sy trano arafitr' Andriamanitra ianareo. **10** Araka ny fahasoavan' Andriamanitra nomena ahy, tahaka ny fanaon' ny mpità-marika mahay no nanaovako ny fanorenana, ary ny hafa mandrafitra eo amboniny; nefa aoka ny olona rehetra hitandrina izay arafiny eo amboniny. **11** Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia Jesosy Kristy. **12** Ary raha misy mandrafitra volamena, na volafotsy, na vato tsara, na hazo, na bozaka, na mololo, eo ambonin' ny fanorenana, **13** dia haseho avokoa ny asan' ny olona rehetra; fa ny andro no hampiseho azy, satria haseho amin' afo izany andro izany, ka dia hozahantoetra, amin' ny afo ny asan' ny olona rehetra. **14** Raha maharitra ny asan' ny olona, izay narafiny teo amboniny, dia handray valim-pitia izy. **15** Raha ho levon' ny afo ny asan' ny olona, dia ho fatiantoka izy; fa ny tenany kosa dia hovonjena, nefa toy ny avy ao amin' ny afo ihany izy. **16** Tsy fantatrareo va fa tempolin' Andriamanitra ianareo, ary ny Fanahin' Andriamanitra mitoetra no anatinareo? **17** Raha misy manimba ny tempolin' Andriamanitra, dia mba hosimban' Andriamanitra kosa izy; fa masìna ny tempolin' Andriamanitra, dia ianareo izany. **18** Aza misy mamita-tena. Raha misy eo aminareo manao azy ho hendry amin' izao tontolo izao, aoka ho adala izy mba ho hendry. **(aiōn g165)** **19** Fa ny fahendren' izao tontolo izao dia fahadalana eo anatrehan' Andriamanitra; fa voasoratra hoe: Ny hafetsen' ny hendry ihany no entiny misambotra azy. **20** Ary indray: Jehovah no mahalala ny hevitry ny hendry fa zava-poana izany **21** Ka dia aza misy manao olona ho reharehany; fa anareo ny zavatra rehetra: **22** na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainana, na fahafatesana, na ny zavatra ankehitriny, na ny zavatra ho avy; dia anareo izany rehetra izany; **23** ary ianareo an' i Kristy ary Kristy an' Andriamanitra.

4 Aoka hataon' ny olona ho mpanompon' i Kristy sy mpitandrina' ny zava-miafina izay an' Andriamanitra izahay. **2** Ary raha izany, dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mahatoky. **3** Fa raha ny amiko, dia ataoko ho zavatra kely foana, na hotsarainareo aho, na hotsarain' olona fa ny tenako aza tsy mitsara ahy. **4** Fa tsy hitako izay tsiniko, nefa tsy mahamarina ahy izany; fa ny Tompo no Mpitsara ahy: **5** koa amin' izany aza mitsara na inona na inona alohan' ny fotoana, dia ny fihavian' ny Tompo, Izay hampiharihary ny zavatra takona ao amin' ny maizina ka hampiseho ny fikasan' ny fo; dia samy hahazo izay derany avy amin' Andriamanitra izy rehetra. **6** Ary izany zavatra izany, ry rahalahy, nataoko oha-teny hilaza ahy sy Apolosy noho ny aminareo, mba hianaranareo aminay ny tsy hihoatra noho ny voasoratra, mba tsy hisy hireharehanareo hankalaza ny anankiray, fa hanevateva ny anankiray kosa. **7** Fa iza no mampihoatra anao? Ary inona no anananao, izay tsy noraisinao? Fa raha nandray ihany ianao, nahoana no mirehareha hoatra ny tsy nandray? **8** Efa afa-po sahady ianareo, efa manankarena sahady ianareo, efa manjaka ianareo; kanefa hay! tsy izahay tsy akory no nahazoanareo izany! Enga anie ka manjaka tokoa ianareo, hiarahanay sy ianareo manjaka. **9** Fa ataoko fa nasehon' Andriamanitra ho faraidina izahay Apostoly, dia toy izay voaheloka hovonoina; fa izahay dia natao ho fizàhan' izao rehetra izao, na anjely na olona. **10** Izahay dia adala noho ny amin' i Kristy, fa ianareo no hendry ao amin' i Kristy! izahay malemy, fa ianareo no mahery! ianareo manandaza, fa izahay mavomavo! **11** Mandraka ankehitriny izao dia noana sy mangetaheta sy tsy manan-kitafy sy asiana totohondry ary tsy manana antom-ponenana izahay; **12** Ary misasatra miasa amin' ny tananay izahay; raha tevatevaina izahay, dia misaotra; raha enjehina, dia miaritra; **13** raha tenenina mafy, dia mamaly teny moramora kosa; atao toy ny faditr' izao tontolo izao izahay, dia faikan' ny olona rehetra, mandraka ankehitriny. **14** Tsy ny hahamenatra anareo anefa no anoratako izany zavatra izany, fa mananatra anareo toy ny zanako malalako aho. **15** Fa na dia manana mpampianatra iray alina ao amin' i Kristy aza ianareo, dia tsy maro ray ianareo; fa izaho no niteraka anareo ao amin' i Kristy Jesosy tamin' ny filazantsara. **16** Koa mananatra anareo aho: manahafa ahy ianareo. **17** Ary noho izany dia nirahiko ho any aminareo Timoty, zanako malalako sy mahatoky ao amin' ny Tompo, ka izy no hampahatsiaro anareo ny fanaoko ao amin' i Kristy, tahaka ny ampianariko ao amin' ny fiangonana rehetra eny tontolo eny. **18** Fa ny sasany mirehareha hoatra ilay tsy mikasa ho avy any aminareo iny aho. **19** Fa ho avy any aminareo faingana aho, raha sitrapon' ny Tompo, dia ho fantatro izay herin' ireo mpirehareha ireo, fa tsy ny fiteniny. **20** Fa ny fanjakan' Andriamanitra tsy amin' ny teny, fa amin' ny hery. **21** Inona ary no tianareo? Ho avy

aminareo mitondra tsorakazo va aho, sa amin' ny fitiavana sy ny fahalemem-panahy?

5 Efa re marina fa misy fijangajangana atỳ aminareo, eny, dia fijangajangana izay tsy misy tahaka azy na dia amin' ny jentilisa asa, fa misy anankiray manambady ny vadin-drainy. **2** Ary ianareo indray va no mirehareha, ka tsy nampalahelo anareo akory izany, mba hesorina tsy ho ao aminareo ilay nanao izany zavatra izany? **3** Fa izaho, na dia tsy teo aza ny tenako, nefa teo ihany ny fanahiko, dia efa nitsara sahady an' ilay nanao toy izany, tahaka ny teo ihany aho: **4** amin' ny anaran' i Jesosy Tompontsika — rehefa tafangona ianareo sy ny fanahiko omban' ny herin' i Jesosy Tompontsika — **5** hanolotra izany anankiray izany ho an' i Satana hanimbana ny nofo, mba hamonjena ny fanahy amin' ny andron' i Jesosy Tompo. **6** Tsy mety ny fireharehanareo. Tsy fantatrareo va fa ny masirasira kely dia mahazo ny vongana rehetra? **7** Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao ianareo, araka izay tsy mahamisy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika; **8** ka dia aoka isika hanao andro firavoravoana, tsy amin' ny masirasira ela, na amin' ny masirasira lolompo sy faharatsiana, fa amin' ny mofo tsy misy masirasira, dia ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana. **9** Nanoratra taminareo teo amin' ny epistily aho mba tsy hiharoharoanareo amin' izay mpijangajanga; **10** nefa tsy ny mpijangajanga rehetra amin' izao tontolo izao, na ny mpierina sy ny mpanao ankeriny, na ny mpanompo sampy; fa raha izany, dia tsy maintsy miala amin' izao tontolo izao ianareo. **11** Fa ny nanoratako taminareo, dia ny mba tsy hiharoharoanareo aminy, raha misy atao hoe rahalahy, nefa mpijangajanga, na mpierina, na mpanompo sampy, na mpanaratsy, na mpimamo, na mpanao an-keriny, dia aza miara-mihinana akory amin' ny toy izany ianareo. **12** Fa ahoako ny hitsara ny any ivelany? Tsy ny ao anatiny va no tsarainareo? **13** Fa ny any ivelany dia tsarain' Andriamanitra. Esory aminareo ilay mpanao ratsy.

6 Misy aminareo va, raha manana ady amin' ny namany, sahy handeha hotsarain' ny olona tsy marina, fa tsy eo anatrehan' ny olona masìna? **2** Sa tsy fantatrareo fa ny olona masìna dia hitsara izao tontolo izao? Ary raha hitsara izao tontolo izao ianareo, moa tsy miendrika hitsara izay zavatra madinika indrindra va ianareo? **3** Tsy fantatrareo va fa hitsara anjely isika? mainka fa izay zavatra momba izao fiainana izao. **4** Koa raha misy hotsarainareo ny amin' ny momba izao fiainana izao, moa izay ataon' ny fiangonana ho tsinontsinona va no tendrenareo ho mpitsara? **5** Hampahamenatra anareo no itenenako izany. Hay! dia tsy misy olon-kendry aminareo, na dia iray akory aza, izay mahay manamboatra ny adin' ny rahalahiny? **6** Fa ny rahalahy mandeha hiady amin' ny rahalahiny, na dia hotsarain' ny tsy mino aza. **7** Ary ankehitriny dia kilema aminareo ny anananareo ady amin' ny namanareo. Nahoana no tsy aleo mandefitra ny tsy rariny aza ianareo? Nahoana no tsy aleo maharitra hambakaina aza ianareo? **8** Kanjo ianareo indray no manao izay tsy marina ka manambaka na dia ny rahalahinareo aza. **9** Moa tsy fantatrareo va fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra? Aza mety hofitahina ianareo: fa ny mpijangajanga sy ny mpanompo sampy sy ny mpaka vadin' olona sy ny sodomita **10** sy ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo sy ny mpanaratsy ary ny mpanao an-keriny dia tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra. **11** Ary efa mba toy izany ihany ny sasany aminareo, saingy efa voasasa ianareo, efa nohamasinina ianareo, efa nohamarinina ianareo, tamin' ny anaran' i Jesosy Kristy Tompo sy tamin' ny Fanahin' Andriamanitsika. **12** Ny zavatra rehetra azoko atao, nefa tsy dia ary mahasoa avokoa ny zavatra rehetra; ny zavatra rehetra azoko atao, nefa izaho tsy mety handevozin-javatra na inona na inona. **13** Ny hanina dia ho an' ny kibo, ary ny kibo ho an' ny hanina; nefa samy holevonin' Andriamanitra izy roroa. Fa ny tena kosa dia tsy ho an' ny fijangajangana, fa ho an' ny Tompo; ary ny Tompo ho an' ny tena. **14** Ary Andriamanitra efa nanangana ny Tompo sady hanangana antsika koa amin' ny heriny. **15** Tsy fantatrareo va fa momba ny tena' i Kristy ny tenanareo? Moa hanala ny momba ny tenan' i Kristy va aho ka hanolotra izany ho momba ny tenan' ny vehivavy janga? Sanatria izany! **16** Moa tsy fantatrareo va fa izay miray amin' ny vehivavy janga dia tena iray aminy? fa hoy Andriamanitra: Ho nofo iray ihany izy roroa. **17** Fa izay miray amin' ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy. **18** Mandosira ny fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon' ny olona dia eny ivelan' ny tena ihany; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin' ny tenany. **19** Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin' ny Fanahy Masìna, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin' Andriamanitra? ka tsy tompon' ny tenanareo ianareo. **20** Fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalazà an' Andriamanitra amin' ny tenanareo.

7 Ary ny amin' ireo zavatra nosoratanareo, dia tsara amin' ny lehilahy raha tsy mikasi-behivavy akory. **2** Anefa noho ny fijangajangana dia aoka ny lehilahy rehetra samy hanana ny vadiny avy, ary aoka koa ny vehivavy rehetra samy hanana ny vadiny avy. **3** Aoka ny lahy hanao izay mety hatao amin' ny vavy; ary mba toy izany koa ny vavy amin' ny lahy. **4** Ny vavy tsy manam-pahefana amin' ny tenany, fa ny lahy; ary mba toy izany koa ny lahy tsy manam-pahefana amin' ny tenany, fa ny vavy. **5** Aza misara-pandriana ianareo, raha tsy amin' izay andro sasany ifanekenareo ho andro hivavahana, nefa mbola hiraisanareo fandriana indray, mba tsy hakan' i Satana fanahy anareo noho ny tsi-faharetanareo. **6** Fandeferana anefa no anaovako izany, fa tsy mandidy aho. **7** Fa tiako ho tahaka ahy ny olona rehetra; kanefa samy manana izay fanomezam-pahasoavana nomen' Andriamanitra ary avy, ka ny anankiray toy izao, ary ny anankiray toy izao kosa. **8** Fa hoy izaho amin' ny tsy manam-bady sy ny mpitondratena kosa: Tsara aminy raha mitoetra tahaka ahy izy. **9** Nefa raha tsy maharitra izy, dia aoka hanambady ihany; fa tsara ny manam-bady noho ny ho maimay. **10** Ary ny manam-bady dia didiako, nefa tsy izaho, fa ny Tompo: Aoka tsy hiala amin' ny lahy ny vavy, **11** (nefa

raha misy efa niala, dia aoka hitoetra tsy manam-bady, na aoka hody amin' ny lahy); ary ny lahy aoka tsy hiala amin' ny vavy. **12** Fa amin' ny sisa, dia hoy izaho, fa tsy ny Tompo: Raha misy rahalahy manam-bady tsy mino, ary mety mitoetra aminy ihany ny vavy, dia aoka tsy hialany izy. **13** Ary raha misy vehivavy manam-bady tsy mino, ka mety mitoetra aminy ihany ny lahy, dia aoka tsy hialany izy. **14** Fa ny lahy tsy mino dia efa masìna ao amin' ny vavy ary ny vavy tsy mino dia efa masìna ao amin' ny rahalahy; raha tsy izany kosa, dia tsy madio ny zanakareo; fa raha izany, dia masìna izy. **15** Fa raha ny tsy mino no miala, aoka hiala izy. Na rahalahy na anabavy dia tsy voafehy amin' izany; fa Andriamanitra efa niantso antsika amin' ny fihavanana. **16** Fa ahoana moa no ahafantaranao, ravehivavy, na hovonjenao ny vadinao, na tsia? Ary ahoana no ahafantaranao, ralehilahy, na hovonjenao ny vadinao, na tsia? **17** Kanefa aoka ny olona rehetra samy handeha araka izay anjarany nomen' ny Tompo azy sy araka ny niantsoan' Andriamanitra azy avy. Ary izany no andidiako ao amin' ny fiangonana rehetra. **18** Misy nantsoina voafora va? Aoka izy tsy hovana ho tsy voafora. Misy antsoina tsy voafora va? Aoka izy tsy hoforana. **19** Tsinontsinona ny famorana, ary tsinontsinona ny tsi-famorana; fa ny mitandrina ny didin' Andriamanitra no izy. **20** Aoka ny olona rehetra samy hitoetra eo amin' izay toetra efa niantsoana azy ihany. **21** Nantsoina va ianao raha mbola mpanompo? Aoka tsy hampaninona anao izany; nefa raha misy hahafahanao, aleo izany. **22** Fa ny andevo izay voantso ao amin' ny Tompo dia olona afaka an' ny Tompo; toy izany koa, ny olona afaka izay voantso dia mpanompon' i Kristy. **23** Fa olom-boavidy ianareo, ka aza mety ho andevon' olona. **24** Ry rahalahy, aoka ny olona rehetra samy hitoetra amin' Andriamanitra ao amin' izay niantsoana azy avy. **25** Fa ny amin' ny virijina dia tsy manana didy avy amin' ny Tompo aho; nefa ataoko izay hevitro tahaka izay niantran' ny Tompo ahy ho mahatoky. **26** Koa izao no ataoko fa tsara amin' ny olona noho ny fahoriana miseho ankehitriny, dia ny mitoetra toy izao ihany. **27** Manam-bady va ianao? Aza mitady izay hisarahana. Tsy manam-bady va ianao? Aza mitady vady. **28** Nefa na dia hanam-bady aza ianao, dia tsy manota tsy akory; ary na dia hanam-bady aza ny virijina, dia tsy manota izy. Kanefa kosa hanam-pahoriana amin' ny nofo ireny; fa izaho miantra anareo. **29** Fa izao no lazaiko, ry rahalahy: Efa fohy ny andro, mba ho toy ny tsy manam-bady ny manana amin' izao sisa izao; **30** ary mba ho toy izay tsy mitomany ny mitomany; ary mba ho toy izay tsy mifaly ny mifaly; ary mba ho toy izay tsy mahazo ny mividy; **31** ary mba ho toy izay tsy mahavatra izao fiainana izao loatra ny mahavatra azy, fa mandalo ny fanaon' izao fiainana izao. **32** Fa tiako tsy ho maro ahina ianareo. Izay tsy manam-bady dia miahy ny an' ny Tompo mba hahafaly ny Tompo. **33** Fa izay manam-bady kosa miahy ny an' izao fiainana izao mba hahafaly ny vavy. **34** Ary tsy mitovy koa ny vehivavy manam-bady sy ny virijina. Ny vehivavy tsy manam-bady mitandrina ny an' ny Tompo, mba ho samy masìna avokoa ny tenany sy ny fanahiny; fa izay manam-bady kosa dia mitandrina ny an' izao fiainana izao mba hahafaly ny lahy. **35** Ary miteny izany aho mba hahasoa anareo, fa tsy haningotra anareo amin' ny tadivavarana, fa mba hanaovanareo izay miendrika sy hitoeranareo tsara amin' ny Tompo, ka tsy hivezivezen' ny sainareo. **36** Fa raha misy mihevitra fa tsy mety ny fitondrany ny zananivavy virijina, satria mihoatra noho ny taona tokony anambadian' ny zanany, ka tsy maintsy hisy izany, dia aoka izy hanao izay sitrapony, tsy manota izy; aoka hanam-bady izy. **37** Fa raha misy kosa efa mikasa tsara ao am-pony, sady tsy misy mahatery azy, fa mahazo manaraka ny safidiny ka ninia tao am-pony hiaro ny zananivavy virijina, dia hanao tsara izy. **38** Ka izay manome ny zanany virijina hampakarina dia manao tsara, ary izay tsy manome azy hampakarina no manao tsaratsara kokoa. **39** Ny vavy voafehin' ny lalàna, raha mbola velona ny lahy; fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka hanam-bady izay tiany izy, nefa ao amin' ny Tompo ihany. **40** Nefa raha araka ny hevitro, sambatra kokoa izy raha mitoetra toy izao ihany; ary ataoko fa izaho koa manana ny Fanahin' Andriamanitra.

8 Ary ny amin' ny hena aterina amin' ny sampy, dia fantatsika fa manana fahalalana isika rehetra. Ny fahalalana mampieboebo; fa ny fitiavana no mampandroso. **2** Fa raha misy manao azy hahalala, dia tsy mbola mahalala araka izay tokony ho fantany akory izy. **3** Fa raha misy tia an' Andriamanitra, dia izy no fantany. **4** Ary ny amin' ny mihinana ny hena aterina amin' ny sampy, dia fantatsika fa tsinontsinona akory ny sampy amin' izao tontolo izao, ary tsy misy Andriamanitra afa-tsy Iray ihany. **5** Fa na dia misy aza atao hoe andriamanitra, na any an-danitra, na etỳ an-tany (toy ny misy andriamanitra maro sy tompo maro); **6** nefa amintsika kosa dia Andriamanitra iray ihany, dia ny Ray, Izay nihavian' ny zavatra rehetra, ary ho Azy isika; ary iray ihany ny Tompo, dia Jesosy Kristy, Izay nahariana ny zavatra rehetra sady nahariana antsika koa. **7** Kanefa tsy ary manana izany fahalalana izany avokoa ny olona rehetra; fa ny sasany, satria zatra amin' ny sampy mandraka ankehitriny izao, dia homana ny hena ka mahatsiaro azy ho zavatra naterina tamin' ny sampy; ka dia voaloto ny fieritreretany, satria malemy. **8** Fa ny hanina tsy hampaninona antsika amin' Andriamanitra; fa na dia tsy homana aza isika, dia tsy matiantoka, ary na dia homana kosa aza isika, dia tsy mahazo tombony. **9** Nefa tandremo, fandrao izany fahafahanareo izany ho tonga fahatafintohinana ho an' ny malemy. **10** Fa raha misy mahita anao izay manam-pahalalana mipetraka mihinana ao amin' ny tempolin' ny sampy, tsy hampahasahy ny fieritreretan' ny malemy hihinana izay hena aterina amin' ny sampy koa va izany? **11** Fa verin' ny fahalalanao ny malemy, dia ny rahalahy izay navotan' i Kristy tamin' ny fahafatesana? **12** Fa raha manota toy izany amin' ny rahalahy ianareo ka manimba ny fieritreretan' ny malemy, dia manota amin' i Kristy ianareo. **13** Koa raha ny hanina no mahatafintohina ny rahalahiko, dia tsy hihinan-kena akory aho mandrakizay, fandrao mahatafintohina ny rahalahiko. **(aiōn g165)**

9 Tsy olona afaka va aho? Tsy Apostoly va aho? Tsy efa nahita an' i Jesosy Tompontsika va aho? Tsy asako

ao amin' ny Tompo va ianareo? **2** Raha tsy Apostoly ho an' ny sasany aza aho, dia Apostoly ho anareo tokoa; fa ianareo no tombo-kase mah' Apostoly ahy ao amin' ny Tompo. **3** Izany no avaliko izay manadina ahy. **4** Moa tsy mahazo mihinana sy misotro va izahay? **5** Moa tsy mahazo mitondra vady izay isan' ny mino va izahay, tahaka ny Apostoly sasany koa sy ny rahalahin' ny Tompo ary Kefasy? **6** Sa izaho ihany sy Barnabasy no tsy mahazo mitsahatra tsy miasa? **7** Iza no mandeha manafika ka mivelona amin' ny haren' ny tenany? Iza no manao tanim-boaloboka ka tsy mihinana ny vokatra? Ary iza no miandry ondry aman' osy ka tsy mihinana ny rononony? **8** Moa araka ny fihevitry ny olona va no itenenako izany, sa ny lalàna mba milaza izany koa? **9** Fa voasoratra eo amin' ny lalàn' i Mosesy hoe: Aza manakombona ny vavan' ny omby mively vary. Ny omby va no ahin' Andriamanitra? **10** Sa noho izahay mihitsy no nanaovana izany teny izany? Eny, fa noho izahay indrindra no nanoratana izany, satria izay miasa tany dia tokony hiasa amin' ny fanantenana, ary izay mively vary dia tokony hively amin' ny fanantenana hahazo. **11** Raha izahay namafy izay zava-panahy ho anareo, dia zavatra lehibe va raha mba mijinja izay anananareo araka ny nofo kosa izahay? **12** Raha ny hafa aza manana izany fahefana izany aminareo, tsy mainka va fa izahay? Kanefa tsy nanampatra izany fahefana izany izahay, fa mihafy amin' ny zavatra rehetra, fandrao hisakana ny filazantsaran' i Kristy. **13** Tsy fantatrareo va fa izay manompo amin' ny zavatra masìna dia mihinana ny zavatry ny tempoly, ary izay manompo eo amin' ny alitara dia miombona amin' ny alitara? **14** Toy izany koa no nandidian' ny Tompo, fa izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amin' ny filazantsara. **15** Nefa tsy nahavatra izany zavatra izany na dia kely akory aza aho; ary tsy manoratra izany aho mba hanaovana izany amiko; fa aleoko maty toy izay hisy hahafoana ny reharehako. **16** Fa raha mitory ny filazantsara aho, dia tsy misy ho reharehako, satria tsy maintsy manao izany; fa lozako, raha tsy mitory ny filazantsara aho! **17** Fa raha ny sitrapoko no anaovako izany, dia mahazo valim-pitia aho; fa raha tsy ny sitrapoko, dia natolotra aho ho andraikitro izany. **18** Inona ary no valim-pitia azoko? Dia izao: raha mitory ny filazantsara aho, dia tsy asiako fandoavam-bola ny filazantsara, mba tsy hanampatra ny fahefako amin' ny filazantsara. **19** Fa na dia afaka amin' ny olona rehetra aza aho, dia mbola nataoko ho mpanompon' ny olona rehetra ihany ny tenako mba hahazoako maromaro kokoa. **20** Tamin' ny Jiosy, dia tonga toy ny Jiosy aho, mba hahazoako ny Jiosy; tamin' izay ambanin' ny lalàna, dia tonga toy izay ambanin' ny lalàna aho, na dia tsy ambanin' ny lalàna aza aho, mba hahazoako izay ambanin' ny lalàna; **21** tamin' izay tsy manana lalàna, dia toy izay tsy manana lalàna aho (kanefa tsy mba olona tsy manana lalàna amin' Andriamanitra aho, fa ambanin' ny lalàn' i Kristy), mba hahazoako izay tsy manana lalàna; **22** tamin' ny malemy dia tonga malemy aho, mba hahazoako ny malemy; efa tonga zavatra rehetra aho amin' ny olona rehetra, mba hamonjeko ny sasany na iza na iza. **23** Ary izany rehetra izany dia ataoko noho ny filazantsara mba ho tonga mpiombona aminy aho. **24** Tsy fantatrareo va fa izay mihazakazaka eo amin' ny tany fihazakazahana dia samy mihazakazaka avokoa, nefa ny iray ihany no mahazo ny loka? Mihazakazaha toy izany mba hahazoanareo. **25** Ary ny mpihazakazaka rehetra dia mahonon-tena amin' ny zavatra rehetra. Kanefa ireny dia mitady satro-boninahitra mety ho lò ihany, fa isika kosa ny tsy mety ho lò. **26** Raha izaho ary, dia mihazakazaka, nefa tsy toy ny manao kitoatoa; ary mamely totohondry aho, nefa tsy toy ny mamely ny rivotra; **27** fa asiako mafy ny tenako ho mangana ka andevoziko, fandrao, na dia efa nitory tamin' ny sasany aza aho, dia holavina kosa ny tenako.

10 Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, fa ny razantsika rehetra dia tambanin' ny rahona, ary izy rehetra namaky ny ranomasina, **2** ary izy rehetra dia natao batisa ho amin' i Mosesy tao amin' ny rahona sy ny ranomasina, **3** ary izy rehetra nihinana ny fihinam-panahy iray ihany, **4** ary izy rehetra nisotro ny fisotrom-panahy iray ihany; fa nisotro tamin' ny vatolampy fanahy izay nanaraka azy izy, ary Kristy izany vatolampy izany. **5** Nefa ny ankabiazany dia tsy sitrak' Andriamanitra, fa naringana tany an-efitra. **6** Ary izany zavatra izany dia tonga anatra ho antsika, mba tsy ho mpila zava-dratsy isika toy ny nilan' ireny. **7** Ary aoka tsy ho mpanompo sampy ianareo tahaka ny sasany amin' ireny, araka ny voasoratra hoe: Ny olona nipetraka hihinana sy hisotro, dia nitsangana hilalao. **8** Ary aoka tsy hijangajanga isika tahaka ny sasany tamin' ireny, ka telo arivo amby roa alina no ringana indray andro. **9** Ary aoka tsy haka fanahy ny Tompo isika, tahaka ny nakan' ny sasany tamin' ireny fanahy Azy, ka matin' ny menarana ireny. **10** Ary aoka tsy himonomonona ianareo tahaka ny sasany tamin' ireny, izay matin' ny mpandringana. **11** Ary izany dia nanjo azy mba ho anatra, sady voasoratra izany ho fananarana antsika izay niharan' ny faran' izao tontolo izao. **(aiōn g165)** **12** Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo. **13** Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan' ny olombelona; nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany lalana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany. **14** Koa amin' izany, ry malala, mandosira ny fanompoan-tsampy. **15** Miteny toy ny amin' ny olo-manan-tsaina aho; heveronareo izay lazaiko. **16** Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika, tsy firaisana amin' ny ran' i Kristy va izany? Ny mofo izay vakintsika, tsy firaisana amin' ny tenan' i Kristy va izany? **17** Satria iray ihany ny mofo, dia tena iray ihany isika na dia maro aza; fa isika rehetra dia samy mandray amin' izany mofo iray izany avokoa. **18** Indreo ny Isiraely araka ny nofo; moa izay mihinana ny fanatitra tsy mpiombona amin' ny alitara va? **19** Inona ary no holazaiko? Mety ho zavatra va ny hena aterina amin' ny sampy, na mety ho zavatra va ny sampy? **20** Tsia, fa izay zavatra aterin' ny jentilisa ho fanatitra, dia ateriny amin' ny demonia, fa tsy amin' Andriamanitra; koa tsy tiako ho mpiombona amin' ny demonia ianareo. **21** Tsy mahazo misotro amin' ny kapoaky ny Tompo sy ny kapoaky ny demonia ianareo; tsy mahazo mihinana amin'

ny latabatry ny Tompo sy ny latabatry ny demonia ianareo. **22** Mampahasaro-piaro ny Tompo va isika? Mahery noho Izy va isika? **23** Ny zavatra rehetra azo atao, nefa tsy ny zavatra rehetra no mahasoa; ny zavatra rehetra azo atao, nefa tsy ny zavatra rehetra no mampandroso. **24** Aoka tsy hisy olona hitady ny hahasoa ny tenany, fa ny hahasoa ny namany. **25** Izay hena rehetra amidy eny an-tsena dia hano, fa aza manontany akory noho ny fieritreretana; **26** fa an' i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy. **27** Ary raha misy amin' ny tsy mino manasa anareo, ka tahandeha ianareo, dia hano izay arosony eo anoloanareo, fa aza manontany akory noho ny fieritreretana. **28** Fa raha misy manao aminareo hoe: Hena naterina tamin' ny sampy io, dia aza homana noho ny amin' ilay nilaza sy ny fieritreretana. **29** Fieritreretana, hoy izaho, tsy ny an' ny tenanano, fa ny an' ny olon-kafa; fa nahoana ny fahafahako no dia tsarain' ny fieritreretan' ny olon-kafa? **30** Fa raha amin' ny fisaorana no andraisako izany, nahoana aho no tenenina ratsy amin' izay anaovako fisaorana? **31** Koa amin' izany, na mihinana na misotro ianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr' Andriamanitra izany rehetra izany. **32** Aza manao izay hahatafintohina ny Jiosy na ny jentilisa na ny fiangonan' Andriamanitra, **33** dia tahaka ahy koa manao izay hahafinaritra ny olona rehetra amin' ny zavatra rehetra ka tsy mitady ny mahasoa ahy ihany, fa ny mahasoa ny maro mba hovonjena izy.

11 Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an' i Kristy. **2** Ary midera anareo aho, satria mahatsiaro ahy amin' ny zavatra rehetra ianareo sady mitana tsara ny fampianarana natolotra, araka ny nanolorako azy taminareo. **3** Ary tiako ho fantatrareo fa Kristy no lohan' ny lehilahy rehetra; ary ny lehilahy kosa no lohan' ny vehivavy; ary Andriamanitra no lohan' i Kristy. **4** Ny lehilahy rehetra, raha mivavaka na maminany ka misaron-doha, dia mahafaboninahitra ny lohany. **5** Fa ny vehivavy rehetra kosa, raha mivavaka na maminany ka tsy misaron-doha, dia mahafaboninahitra ny lohany, satria toy ny voaharatra izy. **6** Fa raha tsy misaron-doha ny vehivavy, dia aoka hohetezana izy; fa raha mahamenatra ny vehivavy ny hohetezana na ny hoharatana, dia aoka hisaron-doha izy. **7** Ny lehilahy dia tokony tsy hisaron-doha, satria endrika sy voninahitr' Andriamanitra izy; fa ny vehivavy kosa no voninahitry ny lehilahy. **8** Fa tsy ny vehivavy no nihavian' ny lehilahy; fa ny lehilahy no nihavian' ny vehivavy. **9** Fa tsy ny lehilahy no natao ho an' ny vehivavy, fa ny vehivavy no ho an' ny lehilahy. **10** Izany no mahamety ny vehivavy hisaron-doha noho ny amin' ny anjely. **11** Kanefa ao amin' ny Tompo tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy. **12** Fa toy ny nihavian' ny vehivavy avy tamin' ny lehilahy, dia toy izany koa no nihavian' ny lehilahy avy tamin' ny vehivavy; fa Andriamanitra kosa no ihavian' ny zavatra rehetra. **13** Hevero ao am-ponareo: Mendrika va raha mivavaka amin' Andriamanitra ka tsy misaron-doha ny vehivavy? **14** Tsy mampianatra anareo va izao fomban' ny zavatra rehetra izao fa raha lava volo ny lehilahy, dia mahafa-boninahitra azy izany? **15** Fa raha lava volo kosa ny vehivavy, dia voninahitra ho azy izany fa ny volo no nomena azy ho fisaronana. **16** Fa raha misy olona toa tia ady, dia tsy manana izany fanao izany isika, na ny fiangonan' Andriamanitra. **17** Ary raha manao izao didy izao aho, dia tsy midera anareo tsy akory, satria tsy miangona hihatsara ianareo, fa hiharatsy. **18** Fa voalohany indrindra, raha miangona ao am-piangonana ianareo, dia reko fa misy fisarahana eo aminareo; ary mba misy inoako ihany izany. **19** Fa tsy maintsy misy fitokoana eo aminareo, mba haseho eo aminareo izay olona ankasitrahana. **20** Koa raha miangona ianareo, dia tsy misy hihinanana ny Fanasan' ny Tompo akory. **21** Fa raha mihinana ianareo, dia samy homana ny sakafony avy aloha ianareo; koa ny anankiray dia noana, fa ny anankiray kosa mamo. **22** Moa tsy manan-trano hihinanana sy hisotroana va ianareo? Sa manao tsinontsinona ny fiangonan' Andriamanitra ka manome henatra ny tsy manana? Inona no holazaiko aminareo? Hidera anareo va aho? Tsy hidera anareo amin' izany aho. **23** Fa izaho efa nandray tamin' ny Tompo izay natolotro anareo kosa, fa Jesosy Tompo tamin' iny alina iny izay namadihana Azy, dia nandray mofo, **24** ary rehefa nisaotra Izy, dia novakiny, ka hoy Izy: Ity no tenako ho anareo; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. **25** Dia araka izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no ilay fanekena vaovao amin' ny rako; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro ianareo. **26** Fa na oviana na oviana ianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin' ny kapoaka, dia manambara ny fahafatesan' ny Tompo ianareo mandrapihaviny. **27** Koa na zovy an zovy no mihinana ny mofo sy misotro amin' ny kapoaky ny Tompo amin' ny fanahy tsy mendrika, dia ho meloka ny amin' ny tena sy ny ran' ny Tompo izy. **28** Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany, dia aoka izy hihinana ny mofo sy hisotro amin' ny kapoaka. **29** Fa izay rehetra mihinana sy misotro dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an' ny tenany, raha tsy mamantatra ny tena izy. **30** Noho izany dia betsaka no marary sy marofy eo aminareo, ary maro ihany no efa nodi-mandry. **31** Fa raha mba mamantatra ny tenantsika isika, dia tsy mba hotsaraina. **32** Fa raha tsaraina isika, dia faizan' ny Tompo mba tsy hohelohina miaraka amin' izao tontolo izao. **33** Koa raha miangona hihinana ianareo, ry rahalahy, dia mifampiandrasa. **34** Ary raha misy olona noana, aoka izy hihinana no an-tranony, mba tsy hiangonanareo ho fahamelohana. Ary ny zavatra sisa dia halahatro, rehefa tonga aho.

12 Ary ny amin' ny zava-panahy, ry rahalahy, dia tsy tiako tsy ho fantatrareo. **2** Fantatrareo fa fony jentilisa ianareo, dia nentina tany amin' ny sampy moana araka izay nitaomana anareo. **3** Koa mampahafantatra anareo aho fa tsy misy olona ampitenenin' ny Fanahin' Andriamanitra ka manao hoe: Voaozona Jesosy; ary tsy misy mahay manaiky hoe: Jesosy no Tompo, raha tsy amin' ny Fanahy Masìna. **4** Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. **5** Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. **6**

Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin' ny olona rehetra. **7** Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa. **8** Fa ny anankiray nomen' ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, **9** ary ny anankiray finoana, amin' izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin' izany Fanahy iray izany ihany, **10** ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin' ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. **11** Ireo rehetra ireo dia asan' ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony. **12** Fa tahaka ny tena iray ihany, anefa maro no momba ny tena, ary ireo rehetra momba ny tena ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy. **13** Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray, na Jiosy an jentilisa, na andevo na tsy andevo; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray. **14** Nefa ny momba ny tena tsy iray, fa maro. **15** Raha ny tongotra hanao hoe: Satria tsy tanana aho, dia tsy mba momba ny tena, amin' izany dia tsy momba ny tena va izy? **16** Ary raha ny sofina hanao hoe: Satria tsy maso aho, dia tsy mba momba ny tena, — koa amin' izany dia tsy momba ny tena va izy? **17** Raha maso avokoa ny tena rehetra, aiza ary izay fandrenesana? Raha fandrenesana avokoa, aiza ary izay fanimboloana? **18** Fa Andriamanitra efa nametraka izay rehetra momba ny tena, samy ho eo amin' ny tena araka ny sitrapony. **19** Ary raha izay rehetra momba ny tena no tonga iray monja, aiza intsony izay tena? **20** Fa maro ny momba ny tena, nefa ny tena dia iray ihany. **21** Ary ny maso tsy mahazo manao amin' ny tanana hoe: Tsy mila anao aho; ary indray, ny loha tsy mahazo manao amin' ny tongotra hoe: Tsy mila anareo aho. **22** Fa mainka ilaintsika aza ny momba ny tena izay atao ho malemilemy kokoa noho ny sasany. **23** Ary ny momba ny tena izay ataontsika ho kely voninahitra kokoa dia tafiantsika voninahitra bebe kokoa; ary izay tsy misy haja amin' ny momba ny tenantsika no hajaintsika kokoa; **24** fa tsy mila izany ny efa misy haja rahateo amin' ny momba ny tenantsika. Fa tamin' ny nanamboaran' Andriamanitra ny tena, dia izay kely voninahitra no nomeny voninahitra bebe kokoa, **25** mba tsy hisy fisarahana eo amin' ny tena, fa mba hifampiahy ny momba ny tena rehetra. **26** Ary raha mijaly ny anankiray amin' ny momba ny tena, dia miara-mijaly avokoa izay rehetra momba ny tena; fa raha omem-boninahitra kosa ny anankiray amin' ny momba ny tena, dia miara-mifaly avokoa izay rehetra momba ny tena. **27** Ary ianareo no tenan' i Kristy, ka samy momba ny tenany avokoa araka ny anjaranareo avy. **28** Ary Andriamanitra efa nanendry ny sasany teo amin' ny fiangonana, voalohany Apostoly, faharoa mpaminany, fahatelo mpampianatra, manaraka izany dia fahagagana, dia fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, dia fanampiana, dia fitondrana, dia fiteny samy hafa tsy fantatra. **29** Apostoly va izy rehetra? Mpaminany va izy rehetra? Mpampianatra va izy rehetra? Manao fahagagana va izy rehetra? **30** Manana fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana va izy rehetra? Miteny amin' ny fiteny tsy fantatra va izy rehetra? Mandika teny va izy rehetra? **31** Nefa maniria fatratra ny fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra; ary, indro, izay lalana tsara indrindra no atoroko anareo:

13 Na dia miteny amin' ny fitenin' ny olona sy ny anjely aza aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho. **2** Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. **3** Ary na dia omeko hohanin' ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahasoa ahy akory izany. **4** Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, **5** tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, **6** tsy mifaly amin' ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin' ny fahamarinana kosa, **7** mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra. **8** Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na ny fahalalana, dia ho foana. **9** Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika; **10** fa rehefa tonga ny tanteraka, dia tsy hisy sombintsombiny intsony. **11** Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza; fa nony efa lehibe aho, dia nariako ny fahazazana. **12** Fa ankehitriny isika mizaha ao amin' ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombintsombiny no fantatro; fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy. **13** Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin' ireo.

14 Miezaha mitady ny fitiavana, nefa maniria fatratra ny zava-panahy koa, indrindra fa ny haminany **2** Fa izay miteny amin' ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny amin' olona, fa amin' Andriamanitra; fa amin' ny fanahy no itenenany zava-miafina, ka tsy misy olona mahalala; **3** fa izay maminany kosa miteny amin' olona ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampiononana. **4** Izay miteny amin' ny fiteny tsy fantatra dia mampandroso ny tenany; fa izay maminany kosa mampandroso ny fiangonana. **5** Tiako raha samy hiteny amin' ny fiteny tsy fantatra ianareo rehetra; nefa aleo haminany; fa izay maminany dia lehibe noho izay miteny amin' ny fiteny tsy fantatra, raha tsy mandika teny koa izy hahazoan' ny fiangonana fampandrosoana. **6** Nefa, ry rahalahy, raha mankeo aminareo aho ka miteny amin' ny fiteny tsy fantatra, inona moa no soa ho vitako aminareo amin' izany, raha tsy fanambarana, na fahalalana, na faminaniana, na fampianarana, no hitenenako aminareo? **7**

Ary ny zavatra tsy manana aina, na sodina, na lokanga, na dia maneno aza, raha tsy manao feo samy hafa, ahoana no hahafantarana izay ataony, na amin' ny sodina, na amin' ny lokanga? **8** Fa raha manao feo hafahafa ny trompetra, iza no hiomana hiady? **9** Dia toy izany koa ianareo: raha tsy mazava ny teny aloaky ny vavanareo, hatao ahoana no fahafantatra izay lazainareo? Fa raha tsy izany, dia hiteny amin' ny rivotra ianareo. **10** Misy fiteny maro samy hafa amin' izao tontolo izao, ka samy manana ny heviny avy. **11** Koa raha tsy mahalala ny hevitry ny fiteny aho, dia ho vaka amin' izay miteny, ary izay miteny ho vaka amiko kosa. **12** Ary toy izany ihany koa ianareo: raha fatra-paniry ny zava-panahy, dia izay hampandroso ny fiangonana no tadiavo indrindra. **13** Koa aoka izay miteny amin' ny fiteny tsy fantatra hangataka mba hahay mandika teny koa. **14** Fa raha mivavaka amin' ny fiteny tsy fantatra aho, dia ny fanahiko ihany no mivavaka, fa ny saiko kosa tsy mahavanona. **15** Ahoana ary no izy? Sady hivavaka am-panahy no hivavaka an-tsaina koa aho; sady hihira am-panahy no hihira an-tsaina koa aho. **16** Fa raha misaotra am-panahy fotsiny ihany ianao, hataon' izay tsy mahay ahoana no hanao Amena, raha misaotra ianao? satria tsy mahalala izay lazainao Izy. **17** Fa ianao dia misaotra tsara ihany, nefa ny hafa kosa tsy mba ampandrosoina. **18** Misaotra an' Andriamanitra aho fa miteny amin' ny fiteny tsy fantatra mihoatra noho ianareo rehetra aho; **19** nefa raha ao am-piangonana, dia aleoko manao teny dimy fantatry ny saiko mba hampianarako ny sasany koa, toy izay hanao teny iray alina amin' ny fiteny tsy fantatra. **20** Ry rahalahy, aza mba ho zaza amin' ny fahalalana; raha amin' ny lolompo dia aoka ho zaza-bodo aza, fa amin' ny fahalalana kosa dia aoka ho lehilahy tokoa. **21** Voasoratra amin' ny lalàna hoe: Amin' ny olona hafa fiteny sy amin' ny molotry ny olon-kafa no hitenenako amin' ity firenena ity; fa na dia amin' izany aza dia tsy hihaino Ahy izy, hoy Jehovah. **22** Koa ny fiteny tsy fantatra dia famantarana amin' ny tsy mino, fa tsy amin' ny mino; fa ny faminaniana kosa dia amin' ny mino, fa tsy amin' ny tsy mino. **23** Koa raha vory ny mpiangona rehetra, ary ny olona rehetra samy miteny amin' ny fiteny tsy fantatra, ary miditra ny tsy mahay, na ny tsy mino, tsy holazainy va fa very saina ianareo? **24** Fa raha samy maminany izy rehetra, ary miditra ny tsy mino, na ny tsy mahay, dia ho voan' ny anatra ataon' izy rehetra izy sady hotsarain' izy rehetra; **25** ka dia miseho ny zavatra takona ao am-pony, dia hiankohoka izy ka hivavaka amin' Andriamanitra sady hilaza fa Andriamanitra dia ao aminareo marina tokoa. **26** Ahoana ary no izy, ry rahalahy? Raha miangona ianareo, misy ta-hanao hira ianareo, misy ta-hanao fampianarana, misy manana fanambarana, misy manana fiteny tsy fantatra, misy manana fandikan-teny. Aoka ny zavatra rehetra hatao ho fampandrosoana. **27** Raha misy miteny amin' ny fiteny tsy fantatra, dia avelao ho roa na telo, fa aza atao mihoatra noho izany, ka ampifanarakarahina; ary avelao hisy iray mandika teny. **28** Fa raha tsy misy mpandika teny, dia aoka izy hangina eo amin' ny fiangonana; fa aoka hiteny amin' ny tenany sy amin' Andriamanitra ihany izy. **29** Ary aoka ny mpaminany roa na telo no hiteny, fa aoka ny hafa hamantatra. **30** Fa raha misy tsindrian' ny Fanahy ao am-pipetrahana, dia aoka hangina kosa ny voalohany; **31** fa mahazo maminany tsirairay ianareo rehetra, mba hianaran' izy rehetra sy hamporisihana azy rehetra; **32** ary ny fanahin' ny mpaminany dia manaiky hozakain' izy mpaminany. **33** Fa Andriamanitra tsy tompon' ny fikotronana, fa tompon' ny fiadanana. Araka ny fanaon' ny fiangonan' ny olona masìna rehetra, **34** dia aoka hangina ny vehivavy raha ao am-piangonana; fa tsy avela hiteny izy, fa aoka hanoa tsara araka ny lazain' ny lalàna koa. **35** Ary raha misy tiany hianarana, dia aoka izy hanontany ny lahy raha mby any an-trano; fa mahamenatra raha miteny ao am-piangonana ny vehivavy. **36** Avy aminareo va no nihavian' ny tenin' Andriamanitra, sa ao aminareo ihany no nahatongavany? **37** Raha misy manao azy ho mpaminany, na ho manana fahaizam-panahy, dia aoka ho fantany tsara fa didin' ny Tompo ny teny izay soratako ho aminareo. **38** Fa raha misy tsy mahalala, dia avelao tsy hahalala ihany izy. **39** Koa amin' izany, ry rahalahiko, maniria fatratra ny haminany, ary aza mandrara tsy hiteny amin' ny fiteny tsy fantatra; **40** kanefa aoka ny zavatra rehetra hatao amin' ny fahamendrehana sy ny filaminana.

15 Ary ampahafantariko anareo, ry rahalahy, ny filazantsara izay notoriko taminareo sy noraisinareo sady iorenanareo, **2** izay amonjena anareo koa, raha tananareo tsara araka izay teny notoriko taminareo, raha tsy nino foana ianareo. **3** Fa natolotro anareo ho isan' ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao: Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masìna, **4** dia nalevina, ary natsangana tamin' ny andro fahatelo araka ny Soratra Masìna; **5** ary niseho tamin' i Kefasy Izy, dia vao tamin' ny roa ambin' ny folo lahy koa. **6** Rehefa afaka izany, dia niseho tamin' ny rahalahy tsy omby dimam-jato Izy, ny ankamaroan' ireny dia mbola velona mandraka ankehitriny, fa ny sasany efa nodi-mandry. **7** Rehefa afaka izany, dia niseho tamin' i Jakoba Izy, dia tamin' ny Apostoly rehetra. **8** Ary faran' izy rehetra, izaho, izay toy ny tsy tonga volana aza, dia mba nisehoany koa. **9** Fa izaho dia ambany indrindra amin' ny Apostoly ka tsy miendrika hatao hoe Apostoly, satria efa nanenjika ny fiangonan' Andriamanitra aho. **10** Fa ny fahasoavan' Andriamanitra no nahatoy izao ahy; ary tsy foana ny fahasoavany ato amiko; fa efa niasa fatratra mihoatra noho izy rehetra aho, nefa tsy izaho, fa ny fahasoavan' Andriamanitra no niara-niasa tamiko. **11** Koa na izaho na ry zareo, dia araka izany no fitorinay, ary araka izany koa no ninoanareo. **12** Ary raha Kristy no torina fa natsangana tamin' ny maty, ahoana no ilazan' ny sasany eo aminareo fa tsy misy fitsanganan' ny maty? **13** Fa raha tsy misy fitsanganan' ny maty, na dia Kristy aza dia tsy natsangana; **14** ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny toriteninay, ary foana koa ny finoanareo. **15** Ary dia hita ho vavolombelona mandainga ny amin' Andriamanitra izahay, satria efa nilaza fa Andriamanitra no nanangana an' i Kristy; nefa raha tsy hatsangana ny maty, dia tsy mba natsangany Izy. **16** Fa raha tsy hatsangana ny maty, na

dia Kristy koa aza dia tsy natsangana; **17** ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo; ary mbola ao amin' ny fahotanareo ihany ianareo; **18** dia very koa izay efa nodimandry ao amin' i Kristy. **19** Raha amin' izao fiainana izao ihany no anantenantsika an' i Kristy, dia mahantra indrindra noho ny olona rehetra isika. **20** Nefa tsy izany, fa efa natsangana tamin' ny maty tokoa Kristy ho santatr' izay efa nodi-mandry. **21** Ary satria ny olona iray no nisehoan' ny fahafatesana, dia ny Olona iray kosa no nisehoan' ny fitsanganan' ny maty. **22** Fa tahaka ny ahafatesan' ny olona rehetra ao amin' i Adama no ahaveloman' ny olona rehetra kosa ao amin' i Kristy. **23** Nefa samy amin' ny filaharany avy: Kristy no santatra; rehefa afaka izany, dia izay an' i Kristy amin' ny fihaviany. **24** Ary rehefa afaka izany, dia avy ny farany, ka amin' izay dia hatolony ho an' Andriamanitra Ray ny fanjakana, rehefa nofoanany ny fanapahana rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery rehetra. **25** Fa tsy maintsy manjaka Izy, mandra-panaony ny fahavalony rehetra ho eo ambanin' ny tongony. **26** Ny fahafatesana no fahavalo farany horesena. **27** Fa ny zavatra rehetra efa nampanekeny ho eo ambanin' ny tongony. Fa na dia hataony hoe aza: Ny zavatra rehetra no nampanekena, dia fantatra marina fa tsy mba isan' izany Izay nampanaiky ny zavatra rehetra Azy. **28** Ary rehefa nampanekena Azy ny zavatra rehetra, dia ny tenan' ny Zanaka koa aza no hanaiky Izay nampanaiky ny zavatra rehetra Azy, mba tsy hisy fototra sy antony afa-tsy Andriamanitra ihany. **29** Raha tsy izany, hanao ahoana izay atao batisa ny amin' ny maty? Raha tsy hatsangana mihitsy ny maty, nahoana ireny no atao batisa ny aminy? **30** Ary nahoana izahay no manao vy very ny ainay mandrakariva? **31** Lazaiko marina, ry rahalahy, amin' ny fireharehako noho ny aminareo, izay ananako ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika, fa maty isan' andro aho. **32** Raha araka ny fanaon' olona no niadiako tamin' ny bibi-dia tany Efesosy, inona no soa azoko amin' izany? Raha tsy hatsangana ny maty, dia aoka isika hihinana sy hisotro, fa rahampitso dia ho faty. **33** Aza mety hofitahina ianareo; ny fikambanana amin' ny ratsy manimba ny fitondran-tena tsara. **34** Mifohaza tsara, ary aza manota; fa ny sasany tsy manana ny fahalalana an' Andriamanitra; ny hampahamenatra anareo no ilazako izany. **35** Fa hisy hanao hoe: Hatao ahoana ary no fanangana ny maty? Ary tena manao ahoana no hisehoany? **36** Ry adala, izay afafinao tsy hovelomina, raha tsy maty aloha; **37** ary izay afafinao, tsy dia ny tenany izay ho avy no afafinao, fa ny voa fotsiny ihany, na voambary, na voa hafa; **38** fa Andriamanitra manome azy tena araka izay sitraky ny fony, ary ny voany rehetra dia samy omeny ny tenany avy. **39** Tsy mitovy ny nofo rehetra; fa hafa ny an' ny olona, ary hafa ny nofon' ny biby, ary hafa ny nofon' ny vorona, ary hafa ny an' ny hazandrano. **40** Ary misy tenan' ny any an-danitra, ary misy tenan' ny etỳ an-tany; fa hafa ny voninahitry ny any an-danitra, ary hafa ny an' ny etỳ an-tany. **41** Hafa ny voninahitry ny masoandro, ary hafa ny voninahitry ny volana, ary hafa ny voninahitry ny kintana; fa ny kintana anankiray dia hafa voninahitra noho ny kintana anankiray. **42** Dia toy izany koa ny fitsanganan' ny maty: Afafy amin' ny fahalòvana izy, atsangana amin' ny tsi-fahalòvana; **43** afafy amin' ny fahafaham-boninahitra izy, atsangana amin' ny voninahitra; afafy amin' ny fahalemena izy, atsangana amin' ny hery; **44** afafy tena araka ny fomban' aina izy, atsangana ho tena araka ny fombam-panahy. Raha misy tena araka ny fomban' aina, dia misy araka ny fombam-panahy koa. **45** Ary araka izany koa no voasoratra hoe: Adama voalohan-dahy natao manan' aina; Adama farany natao fanahy mahavelona. **46** Anefa tsy izay amin' ny fanahy no voalohany, fa izay amin' ny manan' aina, dia vao izay amin' ny fanahy. **47** Ny olona voalohany avy amin' ny tany, dia tany; ny olona faharoa dia avy any an-danitra. **48** Izay amin' ny tany dia tahaka ilay amin' ny tany; ary izay any an-danitra dia tahaka Ilay any an-danitra. **49** Ary toy ny nitondrantsika ny endriky ny amin' ny tany no hitondrantsika ny endrik' ilay any an-danitra koa. **50** Fa izao no lazaiko, ry rahalahy: Ny nofo amandrà tsy mahazo mandova ny fanjakan' Andriamanitra, ary ny fahalòvana tsy mandova ny tsi-fahalòvana. **51** Indro, zava-miafina no ambarako aminareo: tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra, **52** fa vetivety, toy ny indray mipimaso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra; fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lò intsony, ary isika hovana. **53** Fa ity mety lò ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahalòvana, ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahafatesana. **54** Fa rehefa mitafy ny tsi-fahalòvana ity mety maty ity, ary mitafy ny tsi-fahafatesana ity mety maty ity, dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe: Ny fahafatesana noresena ka levona. **55** Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao? **(Hadēs g86)** **56** Fa ny ota no fanindronan' ny fahafatesana; ary ny lalàna no herin' ny ota. **57** Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika. **58** Koa amin' izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin' ny asan' ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin' ny Tompo.

16 Ary ny amin' ny famoriam-bola ho an' ny olona masìna, dia mba manaova koa ianareo toy izay nasaiko nataon' ny fiangonana any Galatia. **2** Amin' ny andro voalohany isan-kerinandro dia samia manokana ao aminy avy ho rakitra na amin' inona na amin' inona no anambinana azy, mba ho vita rahateo ny famoriam-bola mandra-pahatongako. **3** Ary rehefa tonga aho, dia izay sitrakareo no hirahiko hitondra taratasy hanatitra ny fiantranareo ho any Jerosalema. **4** Ary raha tokony handehanako izany, dia hiaraka amiko ireo. **5** Hankatỳ aminareo aho, rehefa namaky an' i Makedonia — fa hamaky an' i Makedonia aho — **6** ary angamba hitoetra eo aminareo aho, na handany ny ririnina aza, mba hanateranareo ahy amin' izay halehako. **7** Fa tsy mikasa hamangy anareo toy ny mandalo aho ankehitriny; fa manantena hitoetra elaela eo aminareo aho, raha sitrapon' ny Tompo. **8** Nefa hitoetra any Efesosy aho mandra-pihavin' ny Pentekosta; **9** fa varavarana lehibe no voavoha ho ahy hahazoako miasa

tsara, nefa maro ny mpanohitra. **10** Ary rehefa tonga Timoty, dia tandremo mba tsy hanan-tahotra eo aminareo izy; fa ny asan' ny Tompo no ataony, tahaka ny ataoko koa. **11** Koa aza avela hisy olona hanao tsinontsinona azy; fa atero soa aman-tsara izy mba ho tonga atỳ amiko; fa miandry azy mbamin' ny rahalahy sasany aho. **12** Ary ny amin' i Apolosy rahalahy, dia nangataka azy fatratra aho hiara-mandeha amin' ny rahalahy hankatỳ aminareo, saingy tsy sitrapony akory ny handeha tamin' izany; nefa ho avy ihany izy, rehefa misy andro mahalalaka azy. **13** Miambena ianareo, tomoera tsara amin' ny finoana, aoka hitombandahy, mahereza. **14** Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin' ny fitiavana. **15** Fantatrareo ny ankohonan' i Stefanasy, fa voaloham-bokatr' i Akaia izy sady efa nanolo-tena ho amin' ny fanompoana ny olona masìna; dia mangataka aminareo aho, ry rahalahy, **16** mba hanaiky tsara ny olona tahaka ireny sy izay rehetra miara-miasa sy mikely aina koa ianareo. **17** Faly aho noho ny fihavian' i Stefanasy sy Fortonato ary Akaiko; fa ireo no nahefa ny tsy vitanareo; **18** fa namelombelona ny fanahiko sy ny anareo koa izy; ka mba ekeo ny tahaka ireny. **19** Manao veloma anareo ny fiangonana atỳ Asia. Manao veloma anareo indrindra ao amin' ny tompo Akoila sy Prisila mbamin' ny fiangonana izay ao an-tranony. **20** Manao veloma anareo ny rahalahy rehetra. Mifanaova veloma amin' ny fanorohana masìna. **21** Ny tanako, izaho Paoly, no anaovako veloma. **22** Raha misy tsy tia ny Tompo, aoka ho voaozona izy. Maran ata. **23** Ho aminareo anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompo; **24** ny fitiavako dia ao aminareo rehetra ao amin' i Kristy Jesosy. Amena.

2 Korintiana

1 Paoly, Apostolin' i Kristy Jesosy noho ny sitrapon' Andriamanitra, ary Timoty rahalahy, mamangy ny fiangonan' Andriamanitra izay any Korinto mbamin' ny olona masìna rehetra eran' i Akaia: **2** ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. **3** Isaorana anie Andriamanitra, Rain' i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain' ny famindram-po sady Andriamanitry ny fampiononana rehetra, **4** Izay mampionona anay amin' ny fahorianay rehetra mba hahaizanay mampionona izay rehetra mitondra fahoriana kosa, anin' ny fampiononana izay ampiononan' Andriamanitra anay. **5** Fa araka ny haben' ny fijalian' i Kristy mihatra aminay no haben' ny fampiononana anay kosa amin' ny alalan' i Kristy. **6** Ary raha ampahorina izahay, dia ho fampiononana sy famonjena anareo izany; ary raha ampiononina izahay, dia ho fampiononana anareo izany, ka miasa amin' ny fiaretanareo fahoriana mitovy indrindra amin' izay entinay. **7** Ary miorina tsara ny fanantenanay anareo, satria fantatray fa tahaka ny iombonanareo ny fahoriana no iombonanareo ny fampiononana koa. **8** Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny amin' ny fahoriana izay nanjo anay tany Asia, fa novesarana indrindra mihoatra noho ny zakanay izahay, ka dia efa nafoinay na dia ny ainay aza; **9** eny, tsy nanampo izay ho velona intsony izahay, mba tsy hitokianay amin' ny tenanay, fa amin' Andriamanitra, Izay manangana ny maty ihany. **10** Ary Izy no nahafaka anay tamin' izao fahafatesana lehibe izao, ary mbola hanafaka ihany; eny, Izy no antenainay fa mbola hanafaka anay koa, **11** satria ianareo koa miara-miasa ho anay amin' ny fivavahanareo mba hisaoran' ny maro ny aminay noho ny fahasoavana azonay tamin' ny nataon' ny maro. **12** Fa izao no ataonay ho voninahitray: ny fieritreretanay no vavolombelona fa tamin' ny fahamasinana sy ny fahadiovam-po avy amin' Andriamanitra, tsy tamin' ny fahendren' ny nofo, fa tamin' ny fahasoavan' Andriamanitra, no nitondranay tena teo amin' izao tontolo izao, mainka fa teo aminareo. **13** Fa tsy manoratra teny hafa aminareo izahay, afa-tsy izay vakinareo na izay fantatrareo; ary manantena aho fa mbola ho fantatrareo ihany hatramin' ny farany aza, **14** toy ny efa fantapantatrareo ihany fa voninahitrareo izahay, dia tahaka anareo kosa no voninahitray amin' ny andron' i Jesosy Tompontsika. **15** Ary tamin' izao fahatokiana izao dia nikasa hankatỳ aminareo aloha aho (mba hahazoanareo soa fanindroany), **16** ary hankany Makedonia aho, raha avy atỳ aminareo, ary dia vao hiverina ho atỳ aminareo indray raha avy any Makedonia, ary mba haterinareo ho any Jodia. **17** Koa raha nikasa izany aho, moa nanao kitoatoa va aho? Ary izay zavatra kasaiko, moa kasaiko araka ny nofo va, mba hanaovako eny eny foana, sy tsia tsia foana? **18** Fa raha mahatoky koa Andriamanitra, ny teninay taminareo dia tsy eny sy tsia; **19** fa ny Zanak' Andriamanitra, dia Jesosy Kristy, Izay notorinay teo aminareo, dia izaho sy Silasy ary Timoty, dia tsy eny sy tsia, fa ao aminy dia eny ihany. **20** Fa na firy na firy ny teny fikasan' Andriamanitra, dia ao aminy ny eny, ary amin' ny alalany koa ny Amena, ho voninahitr' Andriamanitra amin' ny ataonay. **21** Fa Izay mampitoetra anay mbaminareo ao amin' i Kristy sady nanosotra antsika dia Andriamanitra, **22** Izay nanisy tombo-kase antsika koa ka nanome ny Fanahy ho santatra ato am-pontsika. **23** Ary izaho miantso an' Andriamanitra ho vavolombelona ny amin' ny fanahiko, fa ny fialàko nenina aminareo ihany no tsy mbola nankanesako tatỳ Korinto. **24** Kanefa tsy mihambo ho tompon' ny finoanareo izahay, fa mpiara-miasa hampandroso ny fifalianareo, satria finoana no itoeranareo.

2 Fa ninia toy izao tato am-poko aho, dia ny tsy hankatỳ aminareo indray amin' alahelo. **2** Fa raha mampalahelo anareo aho, iza moa no mampifaly ahy, afa-tsy ilay nampalaheloviko ihany? **3** Ary nanoratra izany indrindra aho, fandrao, rehefa tonga aho, dia hahazo alahelo amin' izay tokony hifaliako, satria matoky anareo rehetra aho, fa ny fifaliako dia anareo rehetra koa. **4** Fa tamin' ny haben' ny fahoriana sy ny alahelon' ny foko no nanoratako taminareo tamin' ny ranomaso be, tsy ny hampalahelovana anareo, fa ny mba hahafantaranareo ny fitiavana izay itiavako anareo indrindra. **5** Fa raha nisy efa nampalahelo, dia tsy nampalahelo ahy ihany izy (nefa tsy ta-hanao teny mafy loatra aho), fa mba nampalahelo anareo rehetra koa. **6** Ampy ho amin' izany olona izany ny fampijaliana nataon' ny maro, **7** ka dia aleo mamela heloka sy mampifaly azy kosa ianareo, fandrao dia resin' ny fitomboan' alahelo izany olona izany. **8** Koa mananatra anareo aho mba hekenareo horaisina tsara amin' ny fitiavana izy. **9** Fa izany koa no nanoratako, mba ho fantatro izay toetrareo, na manaiky amin' ny zavatra rehetra ianareo, na tsia. **10** Fa izay avelanareo heloka dia mba avelako heloka koa; ary izaho anefa, raha nisy heloka navelako, dia noho ny aminareo no namelako azy teo imason' i Kristy, **11** fandrao ho resin' ny fitak' i Satana isika, fa fantatsika ny hafetseny. **12** Ary rehefa tonga tany Troasy hitory ny filazantsaran' i Kristy aho, ka novohana varavarana ao amin' ny Tompo, **13** dia tsy tafandry ny fanahiko, satria tsy nahita an' i Titosy rahalahiko aho; fa nanao veloma ny olona aho, dia niala teo nankany Makedonia. **14** Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay mitondra anay mandrakariva ao amin' i Kristy toy ny fanaon' izay avy nandresy, ka dia ampisehoany ny hanitry ny fahalalana Azy eny tontolo eny izahay. **15** Fa hanitr' i Kristy ho an' Andriamanitra izahay amin' izay hovonjena sy izay ho very: **16** amin' ny sasany dia hanitra avy amin' ny fahafatesana ho amin' ny fahafatesana; fa amin' ny sasany kosa dia hanitra avy amin' ny fiainana ho amin' ny fiainana. Koa iza moa no antonona ho amin' izany zavatra izany? **17** Fa tsy mba toy ny maro izay manatsatso ny tenin' Andriamanitra hahazoam-bola izahay; fa toy ny amin' ny fahadiovam-po kosa, dia avy amin' Andriamanitra sady eo anatrehan' Andriamanitra no itenenanay ao amin' i Kristy.

3 Moa midera tena indray va izahay, sa toy ny sasany ka mila epistily filazan-tsoa anay ho aminareo, na avy aminareo? **2** Hianareo no epistilinay voasoratra ato am-ponay sady fantatry sy vakin' ny olona rehetra; **3**

eny, aseho ho epistilin' i Kristy izay entinay ianareo, tsy nosoratana tamin' ny ranomainty anefa, fa tamin' ny Fanahin' Andriamanitra velona, tsy teo amin' izay tena vato fisaka, fa teo amin' izay vato fisaka nofo, dia ny fo. **4** Ary manana izany fahatokiana izany ny amin' Andriamanitra izahay amin' ny alalan' i Kristy. **5** Kanefa tsy mihambo hanana fahaleovana avy aminay hihevitra na amin' inona na amin' inona izahay; fa ny fahaleovanay dia avy amin' Andriamanitra, **6** Izay efa nampahaleo anay koa ho mpanompo amin' izay fanekena vaovao, nefa tsy amin' ny soratra, fa amin' ny Fanahy; fa ny soratra mahafaty, fa ny Fanahy no mahavelona. **7** Fa raha ny fanompoana nitondra fahafatesana aza, izay voasoratra teo amin' ny vato, no nisy voninahitra, ka ny Zanak' Isiraely tsy nahabanjina ny tavan' i Mosesy noho ny voninahitry ny tavany izay nihalevona, **8** tsy mainka hisy voninahitra ny fanompoana omban' ny Fanahy? **9** Fa raha nisy voninahitra ny fanompoana nitondra ny fanamelohana, mainka hanan-tombom-boninahitra ny fanompoana mitondra ny fahamarinana. **10** Ary izay nisy voninahitra aza dia tsy manana voninahitra kosa amin' izao noho ny voninahitra izay manan-tombo. **11** Fa raha ny nilevona aza nisy voninahitra, mainka fa ny mitoetra no misy voninahitra. **12** Koa amin' izany, satria manana izany fanantenana izany izahay, dia sahy tokoa, **13** ary tsy tahaka an' i Mosesy, izay nanarona ny tavany tamin' ny fisalobonana, mba tsy hibanjinan' ny Zanak' Isiraely ny faran' izay nihalevona; **14** fa efa donto ny sainy; fa ambaraka androany dia mbola tsy nesorina ihany izany fisalobonana izany, raha vakina ny tenin' ny fanekena taloha, satria ao amin' i Kristy ihany no anesorana izany. **15** Fa misy fisalobonana manarona ny fony ambaraka androany, raha vakina ny tenin' i Mosesy. **16** Kanefa raha miverina amin' ny Tompo izy, dia hesorina ihany ny fisalobonana. **17** Ary ny Tompo izany Fanahy izany; ary izay itoeran' ny Fanahin' ny Tompo no itoeran' ny fahafahana. **18** Fa isika rehetra kosa amin' ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin' ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin' ny voninahitra ka ho amin' ny voninahitra, toy ny avy amin' ny Tompo, dia ny Fanahy.

4 Ary amin' izany, satria manana izany fanompoana izany izahay, araka ny nahazoanay famindram-po, dia tsy ketraka. **2** Fa efa nolavinay ny zavatra takona mahamenatra, ka tsy mandeha amin' ny fihendrena, na manatsatso ny tenin' Andriamanitra izahay; fa amin' ny fanehoana ny marina no ideranay tena amin' ny fieritreretan' ny olona rehetra eo imason' Andriamanitra. **3** Fa raha miafina ny filazantsaranay, dia miafina amin' izay ho very izany, **4** izay nohajambain' ny andriamanitr' izao tontolo izao, dia ny sain' ny tsy mino, mba tsy hiposahan' ny fahazavan' ny filazantsaran' ny voninahitr' i Kristy, Izay endrik' Andriamanitra. **(aiōn g165)** **5** Fa tsy ny tenanay no torinay, Fa Kristy Jesosy Tompo, ary izahay mpanomponareo noho ny amin' i Jesosy. **6** Fa Andriamanitra, izay nandidy hoe: Aoka ny mazava hahazava ao amin' ny maizina, no nampahazava ny fonay ho amin' ny fahazavan' ny fahalalana ny voninahitr' Andriamanitra eo amin' ny tavan' i Jesosy Kristy. **7** Fa manana izao rakitra izao amin' ny vilany tany izahay, mba ho an' Andriamanitra ny halehiben' ny hery, fa tsy ho avy aminay. **8** Voageja manodidina izahay, nefa tsy terỳ; very hevitra, nefa tsy mamoy fo; **9** enjehina, nefa tsy nafoy, potraka, nefa tsy maty; **10** mitondra ny fahafatesan' i Jesosy mandrakariva ao amin' ny tena izahay, mba haseho ao amin' ny tenanay koa ny fiainan' i Jesosy. **11** Fa izahay izay velona dia atolotra ho amin' ny fahafatesana mandrakariva noho ny amin' i Jesosy, mba haseho ao amin' ny nofonay mety maty koa ny fiainan' i Jesosy. **12** Koa ny fahafatesana no miasa ao aminay, fa ny fiainana kosa ao aminareo. **13** Ary satria manana izany fanahin' ny finoana izany indrindra izahay, araka ny voasoratra hoe: Nino aho, ka dia niteny, dia mino koa izahay ka miteny; **14** fa fantatray fa Izay nanangana an' i Jesosy Tompo no hanangana anay koa miaraka aminareo. **15** Fa ny zavatra rehetra dia natao noho ny aminareo, mba hitomboan' ny fisaorana ho voninahitr' Andriamanitra noho ny fitombon' ny fahasoavana amin' ny maro. **16** Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany, dia havaozina isan' andro isan' andro kosa ny toetray anatiny. **17** Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakariva ho anay, **(aiōnios g166)** **18** raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay. **(aiōnios g166)**

5 Fa fantatsika fa raha ravana ny trano-laintsika etỳ antany, dia manana izay voarafitr' Andriamanitra isika, dia trano tsy nataon-tanana izay maharitra mandrakizay any an-danitra. **(aiōnios g166)** **2** Ary misento ao anatin' ity isika ka maniry indrindra hitafy ny tranontsika izay avy any an-danitra koa; **3** fa ho hita mitafy isika, fa tsy mba mitanjaka. **4** Fa isika izao amin' izao lay izao dia misento noho ny mavesatra antsika, satria tsy tiantsika ny hendahana, fa ny mba hotafiana koa, mba hatelin' ny fiainana ny mety maty. **5** Ary Izay efa namboatra antsika ho amin' izany indrindra dia Andriamanitra, Izay efa nanome antsika ny santatry ny Fanahy. **6** Koa matoky mandrakariva isika, ka fantatsika fa raha mitoetra eo amin' ny tena, dia tsy mitoetra any amin' ny Tompo **7** (fa finoana no andehanantsika, fa tsy fahitana); **8** eny, matoky isika, ka aleontsika ny tsy hitoetra ao amin' ny tena, fa ny hitoetra any amin' ny Tompo. **9** Koa dia ataontsika ho voninahitsika ny mba hankasitrahany antsika, na mitoetra, na tsy mitoetra. **10** Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin' ny fitsaran' i Kristy, mba handraisan' ny olona rehetra izay zavatra nataon' ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy. **11** Koa amin' izany, satria fantatsika ny fahatahorana ny Tompo, dia ny olona no ampanekenay, fa amin' Andriamanitra, kosa dia efa voaseho rahateo izahay, ary manantena aho fa voaseho ao amin' ny fieritreretanareo koa. **12** Tsy midera tena indray aminareo izahay, fa manome anareo izay ho reharehanareo ny aminay, mba hisy havalinareo izay mirehareha ny amin' ny

miseho ihany, fa tsy amin' ny fo. **13** Fa raha very saina izahay, dia ho an' Andriamanitra; fa raha tsy very saina izahay, dia ho anareo. **14** Fa ny fitiavan' i Kristy no manery anay, satria izao no hevitray: maty ny Anankiray hamonjy ny olona rehetra, ka dia maty koa izy rehetra; **15** ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an' ny tenany intsony izay velona, fa ho an' izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy. **16** Koa dia tsy mahalala olona intsony araka ny nofo isika; eny, na dia nahafantatra an' i Kristy araka ny nofo aza isika, ankehitriny dia tsy fantatsika araka izany intsony Izy. **17** Koa raha misy olona ao amin' i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo. **18** Fa izany rehetra izany dia avy amin' Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin' ny alalan' i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana, **19** dia izao: Andriamanitra ao amin' i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy ka tsy nanisa ny fahadisoany; ary efa napetrany aminay ny teny fampihavanana. **20** Koa dia iraka solon' i Kristy izahay, toa an' Andriamanitra mampangataka anay aminareo, solon' i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe: mihavàna amin' Andriamanitra anie ianareo. **21** Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy kosa isika.

6 Ary izahay mpiara-miasa aminy dia mangataka aminareo koa mba tsy handraisanareo foana ny fahasoavan' Andriamanitra **2** fa hoy Izy: Tamin' ny taona fankasitrahana no nihainoako anao, Ary tamin' ny andro famonjena no namonjeko anao; indro, ankehitriny no andro fankasitrahana; indro, ankehitriny no andro famonjena; **3** fa tsy manao izay mahatafintohina izahay na amin' inona na amin' inona, mba tsy homen-tsiny ny fanompoana; **4** fa amin' ny zavatra rehetra dia mampiseho ny tenanay ho mpanompon' Andriamanitra izahay, dia amin' ny faharetana be, amin' ny fahoriana, amin' ny fahaterena, amin' ny fahantrana, **5** amin' ny kapoka, amin' ny fatorana, amin' ny tabataba, amin' ny fisasarana, amin' ny tsy fahitan-tory, amin' ny fifadian-kanina, **6** amin' ny fahadiovana, amin' ny fahalalana, amin' ny fahari-po, amin' ny fahamoram-panahy, amin' ny Fanahy Masìna, amin' ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy, **7** amin' ny teny fahamarinana, amin' ny herin' Andriamanitra, amin' ny fiadian' ny fahamarinana, na amin' ny ankavanana na amin' ny ankavia, **8** amin' ny voninahitra sy ny fahafaham-boninahitra, amin' ny laza ratsy sy ny laza soa; tahaka ny mpamitaka, nefa marina ihany; **9** tahaka ny tsy fantatra, nefa fantatra tsara ihany; tahaka ny efa ho faty, nefa, indro, velona ihany; tahaka ny faizana, nefa tsy atao maty; **10** tahaka ny ampalahelovina, nefa faly mandrakariva; tahaka ny malahelo, nefa mampanan-karena ny maro; tahaka ny tsy manana na dia kely akory aza, nefa manana ny zavatra rehetra. **11** Ry Korintiana, ny vavanay misokatra aminareo, ny fonay malalaka. **12** Tsy terỳ aminay ianareo, fa terỳ ao am-ponareo ihany. **13** Ary mba ho valiny toraka izany (izaho miteny toy ny amin' ny zanako), dia mba mihalalaha kosa ianareo. **14** Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin' ny tsy mino. Fa inona no iraisan' ny fahamarinana sy ny fahotana? Ary inona no iombonana' ny mazava sy ny maizina? **15** Ary inona no ifanarahan' i Kristy sy Beliala? Ary inona no iraisan' ny anjaran' ny mino sy ny tsy mino? **16** Ary inona no ikambanan' ny tempolin' Andriamanitra amin' ny sampy? Fa isika no tempolin' Andriamanitra velona, araka ny nataon' Andriamanitra hoe: Honina eo aminy sy handeha eo aminy Aho, ary izy ho oloko. **17** Koa mivoaha eo aminy ianareo, ka misaraha aminy, hoy Jehovah, Ary aza manendry izay zavatra tsy madio; Ary Izaho handray anareo. **18** Ary ho Rainareo Aho, ary ianareo ho zanako-lahy sy ho zanako-vavy, hoy Jehovah Tsitoha.

7 Koa raha manana ireo teny fikasana ireo isika, ry malala, dia aoka isika hanadio ny tenantsika ho afaka amin' ny fahalotoana rehetra, na amin' ny nofo, na amin' ny fanahy, ka hahatanteraka ny fahamasinana amin' ny fahatahorana an' Andriamanitra. **2** Ataovy omby anay ny fonareo, tsy nanao izay tsy marina tamin' ny olona izahay, tsy nanimba olona, tsy nanambaka olona. **3** Tsy miteny izany ho fanamelohana aho; fa efa nilaza rahateo aho fa ao am-ponay ianareo, mba hiara-maty sy hiara-belona isika. **4** Be ny fahatokiako anareo, lehibe ny reharehako ny aminareo; feno fiononana aho sady be hafaliana indrindra amin' ny fahorianay rehetra. **5** Fa na dia efa tonga tany Makedonia aza izahay, dia tsy hiainan' ny nofonay, fa nampahorina tamin' ny zavatra rehetra: teo ivelany nisy ady, tao anatiny nisy tahotra. **6** Fa Andriamanitra, Izay mampionona ny mpandefitra, no efa nampionona anay tamin' ny nahatongavan' i Titosy, **7** ary tsy tamin' ny nahatongavany ihany, fa tamin' ny fampiononana izay nampiononanareo azy koa, raha nambarany taminay ny fanirianareo sy ny fitomanianareo sy ny fahazotoanareo hanaiky ahy; ka dia mainka nifaly aho. **8** Fa na dia nampalahelo anareo tamin' ny epistily aza aho, dia tsy manenina intsony, na dia nanenina ihany aza teo; fa fantatro fa efa nampalahelo anareo izany epistily izany, kanefa vetivety ihany. **9** Ary mifaly kosa aho ankehitriny, nefa tsy noho ny nampalahelovana anareo, fa noho ny nampalahelovana anareo mba hibebaka; fa nampahelovina araka an' Andriamanitra ianareo, mba tsy hataonay matiantoka na amin' inona na amin' inona. **10** Fa ny alahelo araka an' Andriamanitra miasa fibebahana ho famonjena tsy hanenenana; fa miasa fahafatesana kosa ny alahelon' izao tontolo izao. **11** Fa, indro, izany nampalahelovana araka an' Andriamanitra izany indrindra dia nahatonga fahazotoana manao ahoana teo aminareo! eny, fialan-tsiny manao ahoana! fahatezerana manao ahoana! fahatahorana manao ahoana! faniriana manao ahoana! zotom-po manao ahoana! famaliana ny ratsy natao manao ahoana! Tamin' izany rehetra izany dia nampiseho ny fahadiovanareo ny amin' izany raharaha izany ianareo. **12** Koa na dia nanoratra taminareo aza aho, dia tsy noho ny nanao izay tsy marina, na noho ny niaritra izay tsy marina, fa mba haseho aminareo eo anatrehan' Andriamanitra ny fahazotoanareo hanaiky anay. **13** Ary noho izany dia nampiononina izahay, ary tamin' ny nampiononana anay dia vao mainka nifaly izahay noho ny fifalian' i Titosy, fa

ianareo rehetra efa namelombelona ny fanahiny. **14** Ary raha nisy nataoko rehareha taminy ny aminareo, dia tsy mahamenatra ahy izany; fa tahaka ny nilazanay marina taminareo ny zavatra rehetra, dia tonga marina koa ny reharehanay tamin' i Titosy ny aminareo. **15** Ary vao mainka miraikitra aminareo aza ny fony, raha mahatsiaro ny fanarahanareo rehetra izy, dia ny haben' ny fahatahorana sy ny fangovitana nandraisanareo azy. **16** Ary faly aho fa matoky anareo amin' ny zavatra rehetra.

8 Ary ampahafantarinay anareo, ry rahalahy, ny fahasoavan' Andriamanitra izay nomena tao amin' ny fiangonana any Makedonia; **2** fa tamin' ny fahoriana be nizahan-toetra azy no nitomboan' ny hafaliany, ary ny hamafin' ny fahantrany no nampitombo ny hitsim-pony. **3** Koa vavolombelona aho fa araka ny zakany, eny, mihoatra noho ny zakany aza, sady araka ny sitrapony ihany, no nanomezany, **4** sady nangataka mafy taminay koa izy mba havelanay hikambana amin' izany fanompoana ho an' ny olona masìna izany; **5** ary tsy araka ny nantenainay, fa ny tenany no natolony ho an' ny Tompo aloha, dia ho anay koa noho ny sitrapon' Andriamanitra; **6** ka dia nangataka an' i Titosy izahay mba hahatanteraka izany fahasoavana izany eo aminareo koa, araka ny efa nanombohany azy teo aloha. **7** Fa araka ny itomboanareo amin' ny zavatra rehetra, na amin' ny finoana, na amin' ny teny, na amin' ny fahalalana, na amin' ny fahazotoana rehetra, na amin' ny fitiavanareo anay, dia aoka ho araka izany koa no hitomboanareo amin' izao fahasoavana izao. **8** Tsy milaza izany ho didy aho, fa noho ny zotom-pon' ny sasany, mba hizaha toetra ny hamarinan' ny fitiavanareo koa. **9** Fa fantatrareo ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza Izy, dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanan-karena anareo ny alahelony. **10** Ary dia ambarako izay hevitro ny amin' izany, fa mahatsara anareo izany, satria tsy ny fanaovana ihany, fa ny fikasana koa aza dia efa natombokareo teo alohan' ny sasany hatry ny taon-itsy. **11** Ataovy tanteraka ary izany, ka tahaka ny nahazotoanareo fony nikasa, dia aoka ho tahaka izany koa ny hahatanterahanareo azy araka izay ananareo. **12** Fa raha misy ny fahazotoana, dia araka izay ananany no ankasitrahana, fa tsy araka izay tsy ananany. **13** Kanefa tsy ny hahatonga fitsaharana amin' ny sasany ary fahoriana aminareo no anaovako izany, **14** fa ny mba hisy fitoviana, ka amin' izao ankehitriny izao ny haben' ny harenareo no hahafaka ny alahelon' ireo, ary ny haben' ny haren' ireo kosa no hahafaka ny alahelonareo, mba hisy fitoviana, **15** araka ny voasoratra hoe: Ny nanangona be tsy nanana amby, ary ny nanangona kely tsy nanana ny tsy ampy. **16** Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome fahazotoana ho ao am-pon' i Titosy ho anareo mitovy amin' ny ahy. **17** Fa nanaiky ny fangatahanay ihany izy, nefa nazoto rahateo, ka sitrapony ihany no nandehanany nankany aminareo. **18** Ary ilay rahalahy izay nalaza amin' ny filazantsara any amin' ny fiangonana rehetra no nirahinay hiaraka aminy; **19** ary tsy izany ihany, fa efa notendren' ny fiangonana koa izy ho namanay hiara-mandeha aminay hitondra izao fahasoavana izao, izay angoninay ho voninahitry ny Tompo sy ho vavolombelon' ny fahazotoanay. **20** Ary mitandrina izahay mba tsy hisy hanome tsiny anay amin' izao harena be angoninay izao; **21** fa miomana hanao izay mahamendrika izahay, tsy eo imason' ny Tompo ihany, fa eny imason' ny olona koa. **22** Ary nirahinay niaraka tamin' ireo ilay rahalahinay izay efa hitanay mazoto matetika amin' ny zavatra maro; fa ankehitriny mazoto kokoa izy noho ny haben' ny fahatokiany anareo. **23** Raha ny amin' i Titosy, dia namako izy sady mpiara-miasa amiko ho anareo; ary ireo rahalahinay, dia iraky ny fiangonana izy sady voninahitr' i Kristy. **24** Koa amin' izany asehoy aminy eo imason' ny fiangonana ny famantarana mahamarina ny fitiavanareo sy ny reharehanay ny aminareo.

9 Fa ny amin' ny fiantrana ho an' ny olona masìna, dia tsy misy tokony hanoratako aminareo; **2** fa fantatro ny fahazotoanareo, izay ataoko rehareha ny aminareo amin' ny Makedoniana hoe: Efa vonona hatry ny taon-itsy Akaia, ary ny zotom-ponareo dia namporisika ny maro. **3** Kanefa naniraka ireo rahalahy ireo ihany aho, fandrao dia ho foana ny reharehanay ny aminareo amin' izany zavatra izany, mba ho vonona ianareo araka izay nolazaiko, **4** fandrao, raha tàhiny hisy hiaraka amiko ny avy eto Makedonia ka hahita anareo tsy mbola vonona, dia ho menatra izahay (mba tsy hanaovanay hoe, ianareo) noho izany fahatokiana izany. **5** Koa nataoko fa tsy maintsy mangataka ny rahalahy handeha hialoha ho any aminareo aho ka hahavita rahateo ny fiantranareo izay nokasainareo teo aloha, mba hovitaina toy ny fiantrana izany, fa tsy toy ny fahihirana. **6** Fa izao no lazaiko: Izay mamafy kely, dia kely no hojinjany; fa izay mamafy be, dia be kosa no hojinjany. **7** Aoka ny olona rehetra samy hanao araka izay inian' ny fony avy, tsy amin' ny alahelo, na amin' ny faneriterena; fa ny mpanome amin' ny fifaliana no tian' Andriamanitra. **8** Ary Andriamanitra mahay mampitombo ny fahasoavana rehetra aminareo, mba hanananareo ny onony rehetra mandrakariva amin' ny zavatra rehetra, ka hitombo amin' ny asa tsara rehetra; **9** araka ny voasoratra hoe: Namafy izy, eny, nanome ho an' ny malahelo; Ny fahamarinany maharitra mandrakizay. **(aiōn g165)** **10** Ary Izay manome voa ho an' ny mpamafy sy mofo hohanina dia hanome sy hahabe ny voa afafinareo ary hampitombo ny vokatry ny fahamarinanareo, **11** dia hanan-karena amin' ny zavatra rehetra ianareo ka handroso amin' ny hitsim-po, izay mahatonga ny fisaoranay an' Andriamanitra. **12** Fa ny fanaovana izany fanompoam-pivavahana izany dia tsy mahafaka ny alahelon' ny olona masìna ihany, fa mahabe ny fisaoran' ny maro an' Andriamanitra koa, **13** satria ny fizahan-toetra anareo amin' izany fanompoana izany no ankalazany an' Andriamanitra noho ny fitananareo tsara ny fanekenareo ny filazantsaran' i Kristy sy noho ny fahazotoanareo amin' ny fiantrana ho azy sy ho an' ny olona rehetra; **14** ary amin' ny fangatahany ho anareo dia manina anareo izy noho ny haben' ny fahasoavan' Andriamanitra aminareo. **15** Isaorana anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy azo tononina.

10 Ary ny tenako, izaho Paoly, dia mananatra anareo amin' ny hamoram-panahy sy ny fandeferan' i Kristy, dia izaho, izay manetry tena, hono, raha eo anatrehanareo, fa sahy aminareo kosa, raha tsy eo. **2** Dia mangataka aho mba tsy ho sahy, rehefa tonga, amin' ny fahatokiana izay kasaiko hahasahiana amin' ny sasany, izay manao anay ho mandeha araka ny nofo. **3** Fa na dia velona amin' ny nofo aza izahay, dia tsy mba miady araka ny nofo **4** (fa tsy avy amin' ny nofo ny fiadian' ny tafikay, fa mahery amin' Andriamanitra handrava fiarovana mafy); **5** fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an' Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an' i Kristy, **6** ary vonona hamaly ny tsi-fanarahana rehetra izahay, rehefa tanteraka ny fanarahanareo. **7** Mijery zavatra araka ny fisehony ihany va ianareo? Raha misy olona matoky ny tenany fa an' i Kristy, aoka izay hisaintsaina izao indray, fa tahaka ny mah' an' i Kristy azy no mah' an' i Kristy anay koa. **8** Fa na dia bebe ihany aza ny fireharehako ny amin' ny fahefanay izay nomen' i Kristy anay hananganana, fa tsy handravana anareo, dia tsy hahazo henatra aho, **9** mba tsy hisehoako toy ny ta-hampitahotra anareo amin' ny epistily. **10** Fa ny epistiliny, hoy izy, dia mavesatra sy mahery; fa malemy kosa ny fanatrehan' ny tenany, ary tsinontsinona ny teniny. **11** Aoka izany olona izany hihevitra izao, fa tahaka ny fiteninay amin' ny epistily, raha tsy eo izahay, dia ho tahaka izany koa ny asanay rehefa tonga izahay. **12** Fa izahay tsy sahy hanao ny tenanay ho isan' ny sasany izay midera tena, na hampitaha ny tenanay aminy; fa tsy hendry ireny, satria manohatra ny tenanay amin' ny tenany sy mampitaha ny tenany amin' ny tenanay. **13** Fa izahay tsy mba hirehareha tsy amin' ohatra, fa araka ny ohatry ny voafaritr' Andriamanitra ho anjaranay, dia ohatra mihatra aminareo. **14** Fa tsy toy izay tsy mihatra aminareo izahay ka mihoatra ny faritry ny anjaranay; fa tonga hatrany aminareo aza izahay amin' ny filazantsaran' i Kristy; **15** tsy mirehareha tsy amin' ohatra amin' izay nisasaran' ny sasany izahay, fa manana fanantenana izahay fa rehefa mitombo ny finoanareo, dia hohalehibiazina ao aminareo izahay araka ny voafaritra ho anjarany, sady mbola handroso ihany **16** ka hitory ny filazantsara amin' ny tany any ankoatranareo, ary tsy hirehareha amin' izay efa vonona rahateo ao anatin' ny voafaritra ho an' ny sasany. **17** Fa izay mirehareha, dia aoka Jehovah no ho reharehany **18** Fa tsy izay midera tena no ankasitrahana, fa izay derain' ny Tompo.

11 Enga anie ka mba handefitra amiko amin' ny hadalana kely ianareo, kanefa mandefitra amiko ihany ianareo. **2** Fa fahasaro-piaro araka an' Andriamanitra no mahasaro-piaro ahy aminareo; fa nataoko fofombadin' ny lehilahy iray ianareo, mba hatolotra tahaka ny virijina madio ho an' i Kristy. **3** Fa matahotra aho, fandrao ny sainareo ho simba hiala amin' ny fahitsiam-po sy ny fahadiovana amin' i Kristy, tahaka ny namitahan' ny menarana an' i Eva tamin' ny fihendreny. **4** Fa raha misy tonga ka mitory Jesosy hafa izay tsy notorinay, na ianareo mandray fanahy hafa izay tsy noraisinareo, hay! tsara ny andeferanareo amin' izany! **5** Fa ataoko fa tsy misy mahalatsaka ahy noho ireo Apostoly ambony indrindra ireo. **6** Fa na dia olona tsy nampianarina laha-teny aza aho, dia tsy mba tahaka izany amin' ny fahalalana; fa tamin' ny zavatra rehetra dia efa nasehonay marimarina tamin' ny olona rehetra izany hahasoa anareo. **7** Diso va aho, raha nanetry tena mba hisandratanareo ka nitory maimaimpoana ny filazantsaran' Andriamanitra taminareo? **8** Namabo ny fiangonana sasany aho ka nandray karama hanompoako anareo. **9** Fa raha nitoetra teo aminareo aho ka tsy nanana, dia tsy mba nahavaky tratra olona aho; fa raha vao tonga avy tany Makedonia ny rahalahy, dia nomeny ahy izay nilaiko; ary tamin' ny zavatra rehetra dia nitandrina tsara izay tsy hahavaky tratra anareo aho sady mbola hitandrina izany ihany. **10** Raha ato anatiko koa ny fahamarinan' i Kristy, dia tsy hisy hahafoana izany reharehako izany any amin' ny tany Akaia. **11** Nahoana? Satria tsy tiako va ianareo? Andriamanitra no mahalala. **12** Fa izay ataoko no mbola hataoko ihany, mba hampitsaharako ny famelezan' izay mitady hamely, mba ho hita fa tahaka anay ihany izay amin' ny izay ireharehany. **13** Fa Apostoly sandoka izy ireny, mpiasa mamitaka, ka dia mampiova ny endriny ho tahaka ny Apostolin' i Kristy. **14** Ary tsy mahagaga izany, fa Satana aza mampiova ny endriny ho tahaka ny anjelin' ny mazava. **15** Koa tsy zavatra lehibe tsy akory, raha ny mpanompony koa no mba mampiova ny endriny ho tahaka ny mpanompon' ny fahamarinana; nefa ny farany ho araka ny asany ihany. **16** Hoy izaho indray: Aza misy manao ahy ho adala; nefa, na dia misy manao izany aza, raiso toy ny adala aho mba hireharehako kelikely koa. **17** Izao lazaiko izao dia tsy lazaiko araka ny Tompo, fa toa amin' ny fahadalana amin' izao rehareha matoky izao ihany. **18** Satria maro no mirehareha araka ny nofo, dia mba hirehareha koa aho. **19** Fa sitrakareo ny handefitra amin' ny adala, satria hendry angaha ianareo. **20** Fa hay! mandefitra ihany ianareo, raha misy manandevo anareo, raha misy mandany anareo, raha misy misambotra anareo, raha misy mirehareha aminareo, raha misy mamely ny tavanareo. **21** Manala-barà-tena aho ka toa manaiky fa nalemy izahay! Fa amin' izay mahasahy ny olona (miteny toy ny adala aho), dia mba sahy koa aho. **22** Hebreo va izy? Izaho koa. Isiraelita va izy? Izaho koa. Taranak' i Abrahama va izy? Izaho koa. **23** Mpanompon' i Kristy va izy? (miteny toy ny olona very saina aho) mihoatra noho izy aho: amin' ny fisasarana manan-tombo, amin' ny tranomaizina matetika kokoa, amin' ny kapoka be efa izay tsy izy, amin' ny fahafatesana matetika. **24** Indimy aho no nokapohin' ny Jiosy inefa-polo latsaka iray avy. **25** Intelo nokapohina tamin' ny hazo aho, indray maka notoraham-bato, intelo no vaky sambo, indray andro sy indray alina no nitoetra teo amin' ny lalina, **26** nandeha matetika aho, saiky nahita loza tamin' ny ony, saiky nahita loza tamin' ny jiolahy, saiky nahita loza tamin' ny tompon-tany namako, saiky nahita loza tamin' ny jentilisa, saiky nahita loza tao amin' ny tanàna aho, saiky nahita loza tany an-efitra aho, saiky nahita loza tany amin' ny ranomasina

aho, saiky nahita loza tamin' ny rahalahy sandoka aho, **27** tamin' ny fisasarana sy ny fikelezan' aina, tamin' ny tsi-fahitan-tory matetika, tamin' ny hanoanana sy ny hetaheta, tamin' ny fifadian-kanina matetika, tamin' ny hatsiaka sy ny fitanjahana. **28** Afa-tsy ireo zavatra ivelany dia mbola misy koa izay mahazo ahy isan' andro, dia ny fiahiana ny fiangonana rehetra. **29** Iza no malemy, ka tsy malemy aho? Iza no tafintohina, ka tsy mirehitra aho? **30** Raha tsy maintsy mirehareha aho, dia izay momba ny fahalemeko no hataoko rehareha. **31** Andriamanitra, Rain' i Jesosy Tompo, Izay isaorana mandrakizay, mahalala fa tsy mandainga aho. **(aiōn g165)** **32** Tany Damaskosy ny governora notendren' i Areta mpanjaka dia nampiambina ny tanàna Damaskosy mba hisambotra ahy; **33** fa avy teo amin' ny varavarankely eo amin' ny mànda no nampidinana ahy tamin' ny sobiky, ka dia afa-nandositra ny tànany aho.

12 Tsy maintsy mirehareha aho, na dia tsy mahasoa aza izany; fa handroso hilaza fahitana sy fanambaran' ny Tompo aho. **2** Mahalala olona anankiray ao amin' i Kristy aho, tokony ho efatra ambin' ny folo taona lasa izay — na tao amin' ny tena, na tsy tao amin' ny tena, tsy fantatro, Andriamanitra no mahalala — ilay anankiray dia nakarina ho any amin' ny lanitra fahatelo. **3** Ary mahalala ilay olona anankiray aho — na tao amin' ny tena, na tsy tao amin' ny tena, tsy fantatro, Andriamanitra no mahalala — **4** fa nakarina ho any Paradisa izy ka nandre teny tsy azo tenenina sady tsy tokony holazain' olona. **5** Ilay anankiray no hataoko rehareha; fa ny amin' ny tenako dia tsy hirehareha aho afa-tsy amin' ny fahalemena ihany. **6** Fa na dia te-hirehareha aza aho, dia tsy ho adala, fa hilaza ny marina; nefa tsy manao izany aho, fandrao misy olona mihevitra ahy ho mihoatra noho izay ahitany ahy na izay andrenesany ny teniko. **7** Ary fandrao hirehareha noho ny habetsaky ny fanambarana aho, dia nasiana tsilo tamin' ny nofo, dia irak' i Satana hamely ahy, fandrao hirehareha aho. **8** Izany no nangatahako intelo tamin' ny Tompo, mba hialan' izany amiko. **9** Nefa hoy Izy tamiko; Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin' ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin' ny fahalemeko, mba hitoeran' ny herin' i Kristy amiko. **10** Koa dia finaritra aho amin' ny fahalemena, amin' ny fampahoriana, amin' ny fahaterena, amin' ny fanenjehana, amin' ny fahantrana, noho ny amin' i Kristy; fa ny fahalemeko no fahatanjahako. **11** Efa tonga adala aho; ianareo no nahatery ahy; fa tokony hoderainareo aho, satria tsy latsaka noho ireo Apostoly ambony indrindra ireo, na dia tsinontsinona aza aho. **12** Ny famantarana mah' Apostoly ahy dia natao teo aminareo tokoa tamin' ny faharetana rehetra, tamin' ny famantarana sy ny fahagagana ary tamin' ny asa lehibe. **13** Fa inona moa no nahalatsaka anareo noho ny fiangonana sasany, afa-tsy ny tsy namakiako tratra anareo? Mamelà ahy ary amin' izany fahadisoana izany. **14** Indro, efa fanintelony izao no vonona hankatỳ aminareo aho, nefa tsy hahavaky tratra anareo; fa tsy ny fananananareo no tadiaviko, fa ianareo; fa tsy ny zanaka no tokony hihary ho an' ny ray aman-dreniny, fa ny ray aman-dreniny no tokony hihary ho an' ny zanany. **15** Ary izaho dia faly indrindra handany sy holanina hahasoa ny fanahinareo, na dia araka ny fitombon' ny fitiavako anareo aza no fihenan' ny fitiavanareo ahy. **16** Kanefa, na dia izany aza, izaho tsy nahavaky tratra anareo, fa nanao saina, hono, aho, dia nahazo anareo tamin' ny fihendrena. **17** Moa izay nirahiko tany aminareo va nisy nanaovako anareo ho vola aman-karena? **18** Nangataka an' i Titosy aho, sady nirahiko nomba azy ilay rahalahy. Moa Titosy va nanao anareo ho vola aman-karena? Tsy fanahy iray ihany va no nandehananay? Tsy iray ihany va no dianay? **19** Efa ela izay no nanaovanareo anay ho miala tsiny aminareo. Eo anatrehan' Andriamanitra no itenenanay ao amin' i Kristy; fa ny zavatra rehetra, ry malala, dia ho fampandrosoana anareo. **20** Fa matahotra aho, fandrao, rehefa tonga aho, dia hahita anareo ho toy izay tsy tiako, ary ho hitanareo aho ho toy izay tsy tianareo; fandrao hisy fifandirana, fialonana, fiafonafonana, fifampiandaniana, fanaratsiana, fibitsibitsihana, fieboeboana, fikotranana, — **21** eny, fandrao, rehefa tonga indray aho, dia hampietry ahy eo anatrehanareo Andriamanitro, ary izaho hanana alahelo amin' ny maro izay nanota teo aloha ka tsy mbola nibebaka tamin' ny fahalotoana sy ny fijangajangana ary ny fijejojejoana nataony.

13 Izao no fanintelon' ny hankanesako atỳ aminareo. Amin' ny tenin' ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny rehetra. **2** Efa nambarako fahiny, sady milaza rahateo koa aho — toy ny nataoko fony mbola teo aminareo fanindroany ihany, ary ankehitriny raha tsy eo kosa — amin' izay nanota teo aloha sy amin' ny sisa rehetra, fa rehefa tonga indray aho, dia tsy hiantra, **3** satria ianareo mitady famantarana fa miteny ato anatiko Kristy, Izay tsy malemy aminareo, fa mahery ao aminareo kosa. **4** Fa voahombo tamin' ny hazo fijaliana Izy noho ny fahalemena, nefa velona kosa noho ny herin' Andriamanitra. Fa izahay koa dia malemy ao aminy, nefa hiara-belona aminy ho anareo izahay noho ny herin' Andriamanitra. **5** Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin' ny finoana ianareo, na tsia; izahao toetra ny tenanareo. Moa tsy fantatrareo va ny amin' ny tenanareo, fa ao anatinareo Jesosy Kristy, raha tsy olona nolavina ianareo? **6** Nefa manantena aho fa ho fantatrareo fa izahay dia tsy olona nolavina. **7** Ary mangataka amin' Andriamanitra izahay mba tsy hanao izay ratsy ianareo, tsy ny hisehoanay ho olona voazaha toetra anefa, fa ny mba hanaovanareo izay tsara, na dia ho toy ny olona nolavina aza izahay. **8** Fa tsy mahavita na inona na inona hanohitra ny marina izahay, fa hampandroso ny marina kosa. **9** Fa faly izahay, raha malemy izahay, fa ianareo no mahery; ary izao no angatahinay, dia ny fanatanterahana anareo. **10** Izany no anoratako izany zavatra izany, raha tsy eo aminareo aho, fandrao, rehefa tonga aho, dia hanao izay mafy araka ny hery izay nomen' ny Tompo ahy ho fananganana, fa tsy ho fandravana. **11** Farany, ry rahalahy, mifalia, aoka ho tanteraka ianareo, mandraisa ny fampiononana, miraisa saina, mihavàna; ary Andriamanitry ny fitiavana sy ny fiadanana ho aminareo.

12 Mifanaova veloma amin' ny fanorohana masìna. **13** Ny olona masìna rehetra manao veloma anareo. **14** Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompo sy ny fitiavan' Andriamanitra ary ny firaisana amin' ny Fanahy Masìna.

Galatiana

1 Paoly Apostoly — tsy avy tamin' olona, na tamin' ny alalan' olona, fa tamin' ny alalan' i Jesosy Kristy sy Andriamanitra Ray, Izay nanangana Azy tamin' ny maty — **2** mbamin' ny rahalahy rehetra izay ato amiko, mamangy ny fiangonana atỳ Galatia: **3** ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompontsika, **4** Izay nanolotra ny tenany noho ny fahotantsika, hanafahany antsika amin' izao miara-belona ratsy fanahy izao, araka ny sitrapon' Andriamanitra Raintsika; **(aiōn g165)** **5** ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **6** Gaga aho, raha mifindra faingana toy izao ianareo hiala amin' izay efa niantso anareo tamin' ny fahasoavan' i Kristy ho amin' ny filazantsara hafa, **7** izay tsy filazantsara akory, fa saingy misy ny sasany mampitabataba anareo ka tahamadika ny filazantsaran' i Kristy. **8** Fa na izahay, na anjely avy any an-danitra aza, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay efa notorinay taminareo, aoka ho voaozona izy. **9** Araka ny voalazanay fahiny no lazaiko indray ankehitriny: Raha misy olona mitory filazantsara hafa aminareo, afa-tsy izay efa noraisinareo, aoka ho voaozona izy, **10** Ary ankehitriny, olona va no ilako fitia, sa Andriamanitra? Sa mila sitraka amin' olona aho? Raha mbola mila sitraka amin' olona aho, dia tsy mpanompon' i Kristy. **11** Fa ampahafantariko anareo, ry rahalahy, ny amin' ny filazantsara izay notoriko, fa tsy araka ny fanaon' ny olona izany. **12** Fa izaho tsy nandray azy tamin' olona, ary tsy mba nampianarina aho, fa tamin' ny fanambaran' i Jesosy Kristy ihany. **13** Fa efa renareo ny toetro fahiny tamin' ny fivavahan' ny Jiosy, fa nanenjika ny fiangonan' Andriamanitra efa izay tsy izy aho ka nandrava azy; **14** ary nandroso tamin' ny fivavahan' ny Jiosy mihoatra noho ny maro izay indray mihira amiko eo amin' ny fireneko aho ka fatra-pitana ny fampianarana voatolotry ny razako indrindra. **15** Fa raha sitrak' Andriamanitra, Izay nanokana ahy hatrany an-kibon' ineny ny niantso ahy tamin' ny fahasoavany, **16** ny nampiseho ny Zanany tato anatiko, mba hitoriako Azy any amin' ny jentilisa, niaraka tamin' izay dia tsy naka saina tamin' ny nofo aman-drà aho, **17** ary tsy niakatra tany Jerosalema ho any amin' izay Apostoly talohako aho, fa lasa nankany Arabia, dia niverina ho any Damaskosy indray. **18** Ary rehefa afaka telo taona, dia niakatra tany Jerosalema hamangy an' i Kefasy aho ka nitoetra tao aminy dimy ambin' ny folo andro. **19** Nefa ny Apostoly sasany dia tsy nisy hitako afa-tsy Jakoba, rahalahin' ny Tompo. **20** Ary izay zavatra soratako aminareo, indro, eo anatrehan' Andriamanitra fa tsy mandainga aho. **21** Rehefa afaka izany, dia tonga tany amin' ny tany Syria sy Kilikia aho; **22** ary tsy mbola fantatry ny fiangonana any Jodia, izay ao amin' i Kristy, ny tarehiko. **23** Fa nandre ihany izy hoe: Ilay mpanenjika antsika fahiny, indro izy ankehitriny mitory ny finoana izay noravany fahiny. **24** Ary dia nankalazany an' Andriamanitra aho.

2 Ary nony afaka efatra ambin' ny folo taona, dia niakatra tany Jerosalema indray izaho sy Barnabasy, ary Titosy dia nentiko niaraka tamiko koa. **2** Ary niakatra araka ny fanambarana aho, ka nambarako taminy ny filazantsara izay toriko any amin' ny jentilisa, nefa nangingina ihany tamin' izay manan-daza, fandrao ho mihazakazaka foana aho, na efa nihazakazaka foana. **3** Kanefa na dia Titosy izay niaraka tamiko aza, dia tsy mba noterena hoforana, na dia Grika aza izy, **4** dia noho ny rahalahy sandoka nampidirina misokosoko, izay niditra mangingina hisafo ny fahafahantsika, izay ananantsika ao amin' i Kristy Jesosy, mba hanandevozany antsika; **5** fa tsy nety nikoy ireo izahay na dia ora iray monja aza, mba hitoeran' ny fahamarinan' ny filazantsara aminareo. **6** Fa ny amin' ny olona atao ho manan-daza (na nanao ahoana na nanao ahoana izy dia tsy mampaninona ahy; Andriamanitra tsy mizaha tavan' olona), izaho tsy nomen' ireo manan-daza ireo saina na tamin' inona na tamin' inona. **7** Fa hafa kosa no nataony, fa nony hitany fa notolorana ny filazantsara ho adidiko ho an' ny tsy voafora aho, tahaka an' i Petera ho an' ny voafora **8** (fa Izay niasa ho an' i Petera hah' Apostoly azy ho an' ny voafora no niasa ho ahy koa ho an' ny jentilisa), **9** ary nony fantatr' i Jakoba sy Kefasy ary Jaona, izay natao ho andry, ny fahasoavana nomena ahy, dia notolorany ny tanana ankavanan' ny fihavanana izaho sy Barnabasy, mba hankany amin' ny jentilisa izahay, fa izy kosa ho any amin' ny voafora. **10** Izao ihany no tiany, dia ny mba hahatsiarovanay ny malahelo, sady nahazoto ahy indrindra rahateo ny hanao izany. **11** Ary nony tonga tany Antiokia Kefasy, dia nanohitra azy nifanatrika aho, satria hita fa nanan-tsiny izy. **12** Fa fony tsy mbola tonga ny sasany any tany amin' i Jakoba, dia niara-nihinana tamin' ny jentilisa ihany izy; fa nony tonga ireo, dia nihatakataka izy ka niala, satria natahotra ny momba ny famorana izy. **13** Ary ny Jiosy sasany koa niara-nihatsaravelatsihy taminy, ka Barnabasy avy aza mba voataonan' ny fihatsaram-belatsihiny koa. **14** Fa rehefa hitako fa tsy nandeha mahitsy araka ny fahamarinan' ny filazantsara ireo, dia hoy izaho tamin' i Kefasy teo anatrehan' ny olona rehetra: Raha ianao izay tena Jiosy aza no manao tahaka ny fanaon' ny jentilisa, fa tsy tahaka ny fanaon' ny Jiosy, nahoana ny jentilisa no terenao hanao tahaka ny fanaon' ny Jiosy? **15** Taranaky ny Jiosy isika, fa tsy mba mpanota avy amin' ny jentilisa, **16** nefa nony fantatsika fa tsy hamarinina amin' ny asan' ny lalàna ny olona, fa amin' ny finoana an' i Jesosy Kristy, dia nino an' i Kristy Jesosy koa isika mba hohamarinina amin' ny finoana an' i Kristy, fa tsy amin' ny asan' ny lalàna, satria tsy misy nofo hohamarinina amin' ny asan' ny lalàna. **17** Fa raha mitady hohamarinina ao amin' i Kristy isika, nefa ny tenantsika no hita fa mpanota, moa mpanompo ny ota va Kristy? Sanatria izany! **18** Fa raha ny zavatra efa noravako no atsangako indray, dia mampiseho ny tenako fa diso aho. **19** Fa raha izaho, dia tamin' ny lalàna no nahafatesako ny amin' ny lalàna, mba ho velona ho an' Andriamanitra aho. **20** Voahombo miaraka amin' i Kristy amin' ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin' ny nofo dia

ivelomako amin' ny finoana ny Zanak' Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy. **21** Tsy mahafoana ny fahasoavan' Andriamanitra aho; fa raha avy amin' ny lalàna ny fahamarinana, dia maty foana Kristy.

3 Ry Galatiana adala, iza no nanimba anareo; kanefa teo imasonareo indrindra no nanehoana marimarina an' i Jesosy Kristy voahombo tamin' ny hazo fijaliana? **2** Izao ihany no tiako holazainareo amiko: Moa ny asan' ny lalàna va no nandraisanareo ny Fanahy, sa ny fitoriana ny finoana? **3** Adala toy izany va ianareo? Rehefa nanomboka tamin' ny Fanahy ianareo, dia hahatanteraka amin' ny nofo va ankehitriny? **4** Moa izany zavatra be izany dia efa niaretanareo foana, raha dia foana tokoa izany? **5** Ary Izay manome anareo ny Fanahy sy mahavita asa lehibe eo aminareo, moa avy amin' ny asan' ny lalàna va izany, sa avy amin' ny fitoriana ny finoana? **6** Dia tahaka an' i Abrahama nino an' Andriamanitra, ka dia nasaina ho fahamarinany izany. **7** Koa fantaro fa izay amin' ny finoana no zanak' i Abrahama. **8** Ary satria hitan' ny Soratra Masìna rahateo fa amin' ny finoana no anamarinan' Andriamanitra ny jentilisa, dia nitory ny filazantsara tamin' i Abrahama rahateo izy, nanao hoe: Aminao no hitahiana ny firenena rehetra; **9** ka dia izay amin' ny finoana notahina mbamin' i Abrahama mpino. **10** Fa izay rehetra amin' ny asan' ny lalàna dia eo ambanin' ny fanozonana; fa voasoratra hoe: Voaozona izay rehetra tsy maharitra mankatò ny zavatra rehetra voasoratra ao amin' ny bokin' ny lalàna. **11** Ary hita marimarina fa amin' ny lalàna dia tsy misy olona hamarinina eo anatrehan' Andriamanitra; fa ny marina amin' ny finoana no ho velona. **12** Ary ny lalàna tsy araka ny finoana; fa izay mahatandrina izany no ho velona aminy. **13** Kristy nanavotra anay tamin' ny ozon' ny lalàna, satria tonga voaozona hamonjy anay Izy; fa voasoratra hoe: Voaozona izay rehetra mihantona amin' ny hazo, **14** mba ho tonga amin' ny jentilisa ny fitahiana an' i Abrahama ao amin' i Kristy Jesosy, ary mba horaisintsika amin' ny finoana ny teny fikasana ny amin' ny Fanahy. **15** Ry rahalahy — miteny araka ny fanaon' ny olona aho — na dia ny fanekena ataon' olona ihany aza, rehefa vita mafy, dia tsy fanao ny manatsoaka na manampy izany. **16** Ary tamin' i Abrahama sy ny taranany no nilazana ny teny fikasana. Tsy lazainy hoe: Ary ho an' ny taranaka, toy ny milaza ny maro; fa toy ny milaza ny anankiray, ary ho an' ny taranakao, dia Kristy izany. **17** Ary izao no lazaiko: Ny fanekena izay nataon' Andriamanitra mafy fahiny dia tsy tsoahan' ny lalàna, izay vao natao telo-polo amby efa-jato taona tato aoriana, hahafoana ny teny fikasana. **18** Fa raha avy amin' ny lalàna ny lova, dia tsy avy amin' ny teny fikasana intsony; nefa tamin' i Abrahama dia teny fikasana no nanomezan' Andriamanitra azy. **19** Inona ary ny lalàna? Nanampy noho ny fahadisoana izy ambara-pihavin' ny taranaka izay nomena ny teny fikasana; ary nalahatr' anjely teo an-tànan' ny mpanalalana izany. **20** Ary ny mpanalalana dia tsy an' ny irery, fa Andriamanitra dia iray ihany. **21** Ka moa manohitra ny teny fikasan' Andriamanitra va ny lalàna? Sanatria izany! Fa raha nisy lalàna mahavelona nomena, dia avy tamin' ny lalàna tokoa ny fahamarinana **22** Fa ny Soratra Masìna efa nanidy azy rehetra teo amin' ny fahotana, mba homena ny mino ny teny fikasana noho ny finoana an i Jesosy Kristy. **23** Fa fony tsy mbola tonga ny finoana, dia voambina tao ambanin' ny lalàna isika ka voahidy ho amin' ny finoana izay efa haseho ato aoriana. **24** Koa ny lalàna dia mpitaiza antsika ho amin' i Kristy, mba hohamarinina noho ny finoana isika. **25** Fa rehefa tonga ny finoana, dia tsy fehezin' izay mpitaiza intsony isika. **26** Fa ianareo rehetra dia zanak' Andriamanitra amin' ny finoana an' i Kristy Jesosy. **27** Fa na iza na iza ianareo no natao batisa ho an' i Kristy dia nitafy an' i Kristy. **28** Tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na tsy andevo, na lahy sy vavy; fa iray ihany ianareo rehetra ao amin' i Kristy Jesosy. **29** Fa raha an' i Kristy ianareo, dia taranak' i Abrahama sy mpandova araka ny teny fikasana.

4 Ary hoy izaho: Raha mbola zaza ny mpandova, dia tsy hafa noho ny andevo izy, na dia tompon' ny zavatra rehetra aza; **2** fa fehezin' izay mpitondra sy mpitaiza azy izy mandra-pahatongan' ny fetr' andro voatendrin' ny rainy. **3** Dia tahaka izany koa isika, fony mbola zaza, dia nandevozin' ny abidim-pianaran' izao tontolo izao; **4** fa rehefa tonga ny fotoan' andro, dia nirahin' Andriamanitra ny Zanany, nateraky ny vehivavy, nateraka tao ambanin' ny lalàna, **5** hanavotany izay ambanin' ny lalàna, mba handraisantsika ny fananganan' anaka. **6** Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin' Andriamanitra ho ato am-pontsika ny Fanahin' ny Zanany, miantso hoe: Aba, Ray ô. **7** Ka dia tsy mpanompo intsony ianao, fa zanaka: ary raha zanaka, dia mpandova koa noho ny ataon' Andriamanitra. **8** Kanefa tamin' izany, fony mbola tsy nahalala an' Andriamanitra ianareo, dia nanompo izay andriamani-tsi-izy; **9** fa ankehitriny, rehefa mahalala an' Andriamanitra ianareo — nefa tsy izany, fa Izy no mahalala anareo — nahoana ianareo no dia miverina indray ho amin' ny abidim-pianarana malemy sady tsy misy na inona na inona, nefa tianareo hotompoina indray? **10** Andro sy volana sy fotoana ary taona no tandremanareo fatratra. **11** Matahotra ny aminareo aho, fandrao dia nisasatra foana taminareo. **12** Ry rahalahy, mangataka aminareo aho, aoka ho tonga tahaka ahy ianareo, fa izaho kosa mba efa tonga tahaka anareo. Tsy naninona ahy akory ianareo; **13** nefa fantatrareo fa noho ny fahalemen' ny nofo no nitoriako ny filazantsara taminareo tamin' ilay voalohany; **14** ary ny teo amin' ny nofoko izay tonga fakam-panahy anareo dia tsy mba nohamavoinareo na nolavinareo; fa nandray ahy tahaka ny mandray anjelin' Andriamanitra ianareo, eny, dia tahaka an' i Kristy Jesosy aza. **15** Aiza ary ilay nataonareo ho fahasambarana? Fa vavolombelonareo aho fa raha azo atao, na dia ny masonareo aza dia ho nesorinareo ka nomenareo ahy. **16** Koa efa tonga fahavalonareo va aho, satria milaza ny marina aminareo? **17** Mazoto mila fitia aminareo izy ireo, nefa tsy araka ny mety; fa izy ta-hanidy anareo any ivelany, mba hampahazoto anareo hila fitia aminy kosa. **18** Fa tsara raha ilam-pitia amin' ny tsara mandrakariva, na dia sendra tsy eo aminareo aza aho. **19** Anaka, izay ahararіako indray

amin' ny fiterahana mandra-paharin' i Kristy ao anatinareo, **20** enga anie ka ho tonga eo aminareo aho ankehitriny ka hanova ny feoko; fa misalasala aho ny aminareo. **21** Milazà amiko, ianareo izay te-ho ambanin' ny lalàna: tsy renareo va ny lalàna? **22** fa voasoratra hoe: Abrahama nanana zanaka roa lahy, ny anankiray tamin' ny andevovavy, ary ny anankiray tamin' ny tsy andevo. **23** Kanefa ilay tamin' ny andevovavy dia nateraka araka ny nofo; fa ilay tamin' ny tsy andevo kosa dia nateraka tamin' ny teny fikasana. **24** Ary izany dia azo atao fanoharana; fa izy roa vavy ireo dia fanekena roa; ny anankiray avy tamin' ny tendrombohitra Sinay ka miteraka ho amin' ny fahandevozana, dia Hagara izany. **25** Ary ny hoe Hagara dia ny tendrombohitra Sinay any Arabia ka mifamaly amin' i Jerosalema ankehitriny; fa andevo izy mbamin' ny zanany. **26** Fa Jerosalema any ambony kosa, izay renintsika, dia tsy mba andevo. **27** Fa voasoratra hoe: Mifalia, ramomba, izay tsy miteraka; Miantsoa sy minanananà, ianao izay tsy mbola mihetsi-jaza; Fa ny zanaky ny mpitondratena dia maro noho ny an' ny manana-bady. **28** Fa isika, ry rahalahy, dia zanaky ny teny fikasana tahaka an' isaka. **29** Kanefa tahaka ny tamin' izany andro izany, ilay teraka araka ny nofo dia nanenjika ilay araka ny Fanahy, dia tahaka izany koa ankehitriny. **30** Nefa ahoana no lazain' ny Soratra Masìna? Roahy io andevovavy io sy ny zananilahy; fa ny zanaky ny andevo tsy hiray lova amin' ny zanaky ny tsy andevo. **31** Ary amin' izany, ry rahalahy, tsy zanak' andevovavy isika, fa zanaky ny tsy andevo.

5 Ho amin' ny fahafahana no nanafahan' i Kristy antsika; ka tomoera tsara, fa aza mety hohazonin' ny zioga fanandevozana intsony. **2** Indro, izaho Paoly milaza aminareo fa raha mety hoforana ianareo, dia tsy hahasoa anareo na dia kely akory aza Kristy. **3** Ary lazaiko marina indray amin' ny olona manaiky hoforana rehetra fa mpitrosa tsy maintsy mankatò ny lalàna rehetra izy. **4** Dia tafasaraka amin' i Kristy ianareo na iza na iza izay mitady hohamarinina amin' ny lalàna; efa lavo niala tamin' ny fahasoavana ianareo. **5** Fa izahay amin' ny Fanahy sy noho ny finoana dia miandry ny fanantenana ny fahamarinana. **6** Fa ao amin' i Kristy Jesosy dia tsy mahasoa na ny famorana na ny tsi-famorana, fa ny finoana izay miasa amin' ny fitiavana. **7** Hianareo nihazakazaka tsara, iza no nisakana anareo tsy hanaiky ny marina? **8** Izany fitaomana izany dia tsy avy tamin' ilay miantso anareo. **9** Ny masirasira kely dia mahatonga ny vongana rehetra ho masirasira avokoa. **10** Izaho matoky anareo ao amin' ny Tompo fa tsy hisaina zavatra hafa akory ianareo; fa ilay mampitabataba anareo no hiharan' ny fanamelohana, na zovy na zovy izy. **11** Fa izaho, ry rahalahy, raha mbola mitory ny famorana ihany, nahoana aho no mbola enjehina? Dia afaka tokoa ny fahatafintohinana noho ny hazo fijaliana. **12** Enga anie ka hiesotra aza izay mampitabataba anareo. **13** Fa efa nantsoina ho amin' ny fahafahana ianareo, ry rahalahy; kanefa aoka tsy ho entinareo hanaraka ny nofo izany fahafahana izany, fa mifampanompoa amin' ny fitiavana. **14** Fa tanteraka amin' ny teny iray ihany ny lalàna rehetra, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao. **15** Fa raha mifandramatra sy mifampihinana ianareo, tandremo fandrao mifandringana. **16** Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan' ny nofo ianareo. **17** Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo; ary mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanaroeo manao izay zavatra tianareo. **18** Fa raha tarihin' ny Fanahy ianareo, dia tsy mba ambanin' ny lalàna. **19** Fa miharihary ny asan' ny nofo, dia izao: Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, **20** fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, **21** fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny koa, fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan' Andriamanitra. **22** Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, **23** fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany. **24** Fa izay an' Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin' ny faniriany sy ny filany tamin' ny hazo fijaliana. **25** Raha velon' ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy. **26** Aoka isika tsy handrani-tena foana ka hifampihaika sy hifampialona.

6 Ry rahalahy, raha misy olona azon' ny ota tsy nahy aza, dia atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin' ny fahamorana izy, ka mihevera ny tenanao, fandrao ianao koa mba halaim-panahy ihany. **2** Mifampitondrà izay mahavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn' i Kristy. **3** Fa raha misy manao ny tenany ho zavatra, kanjo tsinontsinona, dia mamitaka ny tenany izy. **4** Fa aoka ny olona rehetra samy hizaha toetra ny asany avy, dia samy hanana hafaliana ny amin' ny tenany ihany izy, fa tsy ny amin' ny olon-kafa; **5** fa samy hitondra ny entany avy ny olona rehetra. **6** Aoka izay ampianarina ny teny mba hahafoy zava-tsoa ho an' izay mampianatra. **7** Aza mety hofitahina ianareo; Andriamanitra tsy azo vazivazina, fa izay afafin' ny olona no hojinjany. **8** Fa izay mamafy ho an' ny nofony dia hijinja fahasimbana avy amin' ny nofo; ary izay mamafy ho an' ny Fanahy dia hijinja fiainana mandrakizay avy amin' ny Fanahy. **(aiōnios g166)** **9** Ary aza mba ketraka amin' ny fanaovan-tsoa isika; fa amin' ny fotoan' andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika. **10** Koa araka ny ananantsika andro hanaovana, dia aoka isika hanao soa amin' ny olona rehetra, indrindra fa amin' ny mpianakavin' ny finoana. **11** Indro ny havaventin' ny soratra izay soratan' ny tanako ho aminareo. **12** Na iza na iza te-hiseho ho tsara amin' ny nofo, dia ireo no manery anareo hoforana, nefa noho izao ihany: fandrao henjehina noho ny hazo fijalian' i Kristy izy. **13** Fa na dia ny tenan' izy voafora aza dia tsy mitandrina ny lalàna; kanefa tiany ho forana koa ianareo, mba hireharehany amin' ny nofonareo. **14** Fa sanatria raha mba misy hataoko rehareha afa-tsy ny hazo fijalian' i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay nahavoahombo izao tontolo izao tamin' ny hazo fijaliana, raha ny amiko, ary izaho kosa, raha ny amin' izao tontolo izao. **15** Fa samy tsy mahasoa

na ny famorana na ny tsi-famorana, fa ny ho olom-baovao.
16 Ary izay rehetra mandeha araka ity fitsipika ity, dia ho
aminy anie ny fiadanana sy ny famindram-po, ary ho amin'
ny Isiraelin' Andriamanitra. **17** Amin' izao sisa izao aoka tsy
hisy hanahirana ahy intsony; fa izaho mitondra ny marik' i
Jesosy voatomboka eo amin' ny tenako. **18** Ho amin' ny
fanahinareo anie, ry rahalahy, ny fahasoavan' i Jesosy
Kristy Tompontsika. Amena.

Efesiana

1 Paoly, Apostolin' i Kristy Jesosy noho ny sitrapon' Andriamanitra, mamangy ny olona masìna any Efesosy, izay mahatoky ao amin' i Kristy Jesosy: **2** ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. **3** Isaorana anie Andriamanitra, Rain' i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay nitahy antsika tao amin' i Kristy amin' ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra, **4** araka ny nifidianany antsika tao aminy, fony tsy mbola ary ny fanorenan' izao tontolo izao, mba ho masìna sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika, **5** rehefa notendreny rahateo amin' ny fitiavana isika mba ho Azy amin' ny fananganan' anaka amin' ny alalan' i Jesosy Kristy, araka izay ankasitrahan' ny fony, **6** ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany, izay nanasoavany antsika maimaimpoana ao amin' ny Malala. **7** Izy no ananantsika fanavotana amin' ny ràny, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren' ny fahasoavany, **8** izay nataony be ho antsika tamin' ny fahendrena sy ny fisainana rehetra, **9** rehefa nampahafantariny ny zava-miafina ny amin' ny sitrapony isika, araka ny safidiny izay nokasain' ny tenany, **10** hahatanterahany ny fitondrana hatao mandra-pahatapitry ny andro voatendry, hanangonany ny zavatra rehetra ho iray ao amin' i Kristy, na ny any an-danitra, na ny etỳ an-tany, dia ho ao aminy; **11** ao aminy koa no nanaovana antsika ho lovany, rehefa notendrena rahateo isika araka ny fikasan' izay mahefa ny zavatra rehetra araka ny ankasitrahan' ny fony, **12** mba ho fiderana ny voninahiny izahay, izay nanantena an' i Kristy rahateo. **13** Ao aminy koa ianareo, rehefa renareo ny tenin' ny fahamarinana, dia ny filazantsara famonjena anareo, — eny, ao aminy koa ianareo, rehefa nino, no nasiana tombo-kase tamin' ny Fanahy Masìna araka ny teny fikasana. **14** Izany Fanahy izany no santatry ny lovantsika ho amin' ny fanavotana ny olona izay nahiny ho an' ny tenany, ho fiderana ny voninahiny. **15** Ary noho izany izaho koa, rehefa nandre ny finoanareo an' i Jesosy Tompo izay hitan' ny olona masìna rehetra, **16** dia tsy mitsahatra misaotra noho ny aminareo ka mahatsiaro anareo amin' ny fivavahako, **17** mba homen' Andriamanitr' i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain' ny voninahitra, ho anareo ny fanahin' ny fahendrena sy ny fanambarana amin' ny fahalalana Azy tsara, **18** ary mba hampahiratina ny mason' ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin' ny fiantsoany sy izay haren' ny voninahitry ny lovany eo amin' ny olona masìna, **19** ary ny fihoaran' ny halehiben' ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan' ny herin' ny faherezany, **20** izay nataony tao amin' i Kristy tamin' ny nananganany Azy tamin' ny maty sy ny nampitoerany Azy eo amin' ny tànany ankavanana any an-danitra, **21** ambony lavitra noho ny fanapahana rehetra sy ny fahefana sy ny hery sy ny fanjakana ary ny anarana rehetra izay tononina, tsy amin' izao fiainana izao ihany, fa amin' ny ho avy koa, **(aiōn g165)** **22** dia nampanaiky ny zavatra rehetra ho eo ambanin' ny tongony Izy ka nanao Azy ho Lohany manapaka ny zavatra rehetra ho an' ny fiangonana, **23** izay tenany, dia ny fahafenoan' izay mameno izao zavatra rehetra izao amin' ny rehetra.

2 Ary ianareo dia efa novelominy, fony mbola matin' ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo, **2** izay nalehanareo fahiny, araka ny fomban' izao tontolo izao, araka ny mpanapaka ny fanjakana eny amin' ny rivotra, dia ny fanahy izay miasa ankehitriny ao anatin' ny zanaky ny tsi-fanarahana; **(aiōn g165)** **3** teo amin' ireo no nitondrantsika rehetra tena koa fahiny tamin' ny filan' ny nofontsika, ka nanaovantsika ny danin' ny nofo sy ny saina; ary araka ny toetsika dia zanaky ny fahatezerana toy ny sasany koa isika. **4** Fa Andriamanitra, Izay manan-karena amin' ny famindram-po, noho ny halehiben' ny fitiavany izay nitiavany antsika, **5** na dia fony mbola matin' ny fahadisoana aza isika, dia nahavelona antsika niaraka tamin' i Kristy (fahasoavana no namonjena anareo); **6** ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin' i Kristy Jesosy, **7** mba hasehony amin' ny andro ho avy ny haben' ny haren' ny fahasoavany amin' ny fahamoram-panahiny amintsika ao amin' i Kristy Jesosy. **(aiōn g165)** **8** Fa fahasoavana no namonjena anareo amin' ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin' Andriamanitra; **9** tsy avy amin' ny asa, fandrao hisy hirehareha. **10** Fa asany isika, voaforona tao amin' i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin' Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy. **11** Koa tsarovy fa fahiny ianareo izay jentilisa araka ny nofo, ka nolazain' ny voaforan-tanana teo amin' ny nofo hoe tsy voafora — **12** eny, tsarovy fa tamin' izany andro izany dia tsy nanana an' i Kristy ianareo, fa olon-ko azy tamin' ny fanjakan' ny Isiraely ary vahiny tamin' ireo faneken' ny teny fikasana, dia tsy nanana fanantenana sady tsy nanana an' Andriamanitra teo amin' izao tontolo izao; **13** fa ankehitriny kosa, ao amin' i Kristy Jesosy, ianareo izay lavitra fahiny dia efa nampanakeken' ny ran' i Kristy. **14** Fa Izy no fihavanantsika, Izay nahiray antsika roa tonta ka nandrava ny efitry ny fisarahana, **15** fa tao amin' ny nofony no nandravany ny fandrafiana, dia ny lalàna nisy didy natao hotandremana, mba hanakambanany antsika roa tonta ao amin' ny tenany ho olom-baovao iray, ka hanaovany fihavanana, **16** ary hampihavana antsika roa tonta ho tena iray amin' Andriamanitra noho ny hazo fijaliana, izay namonoany ny fandrafiana. **17** Ary tonga Izy ka nitory teny soa mahafaly milaza fihavanana taminareo izay lavitra ary fihavanana tamin' izay akaiky koa. **18** Fa Izy no ananantsika roa tonta fanatonana amin' ny Fanahy iray ho any amin' ny Ray. **19** Koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony ianareo, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amin' ny olona masìna sady ankohonan' Andriamanitra, **20** natsangana teo ambonin' ny fanorenan' ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra; **21** ao aminy no irafetan' ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masìna ao amin' ny Tompo. **22** Ary ao aminy no miaraka aorina koa ianareo ho fonenan' Andriamanitra amin' ny Fanahy.

3 Ary noho izany, izaho Paoly, mpifatotra an' i Kristy Jesosy, noho ny aminareo jentilisa, — **2** raha mba renareo ny fitondrana ny fahasoavan' Andriamanitra izay nomena ahy ho anareo, **3** fa fanambarana no nampahafantarana ahy ny zava-niafina, araka ny voasoratro tamin' ny teny fohifohy teo. **4** Ary araka izany, raha mamaky ianareo, dia ho hainareo fantarina ny fahafantarako ny zava-niafina ny amin' i Kristy, **5** izay tsy mbola nampahafantarina ny zanak' olombelona tamin' ny taranaka lasa tahaka ny fanambaran' ny Fanahy ankehitriny amin' ny Apostoly masìna sy ny mpaminany, **6** dia ny ahatongavan' ny jentilisa ho mpiray lova sy ho tena iray ary ho mpiombona ny teny fikasana ao amin' i Kristy Jesosy noho ny filazantsara, **7** izay nanaovana ahy ho mpanompo araka ny fanomezan' ny fahasoavan' Andriamanitra, izay nomena ahy araka ny fiàsan' ny heriny. **8** Eny, izaho, izay kely noho ny kely indrindra amin' ny olona masìna rehetra, no nomena izao fahasoavana izao, dia ny hitory amin' ny jentilisa ny haren' i Kristy tsy hita lany, **9** ary ny hampahazava ny olona rehetra mba hahalalany izay fitondrana ny zava-miafina, dia Ilay voafina hatramin' ny nanaovana izao tontolo izao tao amin' Andriamanitra, Izay nanao ny zavatra rehetra; **(aiōn g165)** **10** mba hampahafantarina ireo fanapahana sy fahefana any an-danitra amin' izao ankehitriny izao ny mahamaro samy hafa ny fahendren' Andriamanitra amin' ny fitondrany ny fiangonana, **11** araka ny fikasana hatrizay hatrizay izay nataony tao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika, **(aiōn g165)** **12** Izay ananantsika fahasahiana sy fanatonana amin' ny fahatokiana noho ny finoana Azy. **13** Koa izany no angatahako aminareo mba tsy ho ketraka amin' ny fahoriako ho anareo, fa voninahitrareo izany. **14** Ary noho izany no andohalehako amin' ny Ray **15** Izay ahazoan' ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany anarana, **16** mba homeny anareo, araka ny haren' ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin' ny Fanahiny ny toe-panahinareo; **17** mba hitoeran' i Kristy ao am-ponareo amin' ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin' ny fitiavana ianareo, **18** mba hahaizanareo mbamin' ny olona masìna rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halavany. **19** ary hahalala ny fitiavan' i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana, mba hamenoana anareo ho amin' ny fahafenoan' Andriamanitra rehetra. **20** Ary ho an' izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, **21** ho Azy anie ny voninahitra ao amin' ny fiangonana sy ao amin' i Kristy Jesosy hatramin' ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)**

4 Ary noho izany izaho, mpifatotra noho ny amin' ny Tompo, dia mangataka aminareo mba handeha miendrika ny fiantsoana izay niantsoana anareo, **2** amin' ny fanetren-tena rehetra sy ny fahalemem-panahy, amin' ny faharipo mifandefitra amin' ny fitiavana, **3** mazoto mitana ny firaisana avy amin' ny Fanahy amin' ny fehim-pihavanana. **4** Iray ny tena, ary iray ny Fanahy, dia toy ny niantsoana anareo ho amin' ny fanantenana iray momba ny fiantsoana anareo; **5** iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa, **6** iray Andriamanitra sady Rain' izy rehetra, Izay ambonin' izy rehetra sy manerana azy rehetra ary ao amin' izy rehetra. **7** Fa samy nomena ny fahasoavana araka ny ohatry ny fanomezan' i Kristy avy isika rehetra. **8** Koa izany no ilazany hoe: Raha niakatra ho any amin' ny avo Izy, dia nitondra olona maro ho babo Ka nanome fanomezana ho an' ny olona. **9** (Ary ny amin' ny hoe niakatra, inona moa izany, afa-tsy ny efa nidina ho any ambanin' ny tany koa? **10** Izay nidina, dia Izy koa no Ilay niakatra any ambonin' ny lanitra rehetra, hamenoany ny zavatra rehetra.) **11** Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, **12** ho fanatanterahana ny olona masìna, ho amin' ny asan' ny fanompoana amin' ny fiangonana, ho amin' ny fampandrosoana ny tenan' i Kristy, **13** mandra-pahatongantsika rehetra ho amin' ny firaisan' ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak' Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben' ny fahafenoan' i Kristy; **14** mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin' ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin' ny saim-petsy ataon' ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana; **15** fa mba hanaraka ny marina amin' ny fitiavana ka hitombo amin' ny ny zavatra rehetra ho amin' izay Loha, dia Kristy; **16** Izy no itomboan' ny tena rehetra (izay akambana sy ampiarahina tsara) noho ny fifanompoan' ny isan-tonony, araka ny fiàsan' izay rehetra momba azy amin' izay mety ho anjara-asany avy ka hampandrosoany ny tenany amin' ny fitiavana. **17** Koa izao no lazaiko sady ambarako ao amin' ny Tompo: ny tsy mba handehananareo intsony tahaka ny fandehan' ny jentilisa amin' ny fahafoanan' ny sainy; **18** fa efa tonga maizin-tsaina sy olon-ko azy amin' ny fiainan' Andriamanitra ireny noho ny tsi-fahalalana ny anatiny, noho ny hamafin' ny fony, **19** dia olona tsy mahalala henatra intsony ka nanolo-tena ho amin' ny fijejojejoana hanao izay fahalotoana rehetra amin' ny fieremana. **20** Fa ianareo kosa, dia tsy mba toy izany no nianaranareo an' i Kristy, **21** raha Izy tokoa no renareo ka tao aminy no nampianarana anareo, araka ny fahamarinana izay ao amin' i Jesosy, **22** mba hialanareo ny toetrareo taloha araka ny fitondran-tenanareo fahiny, izay mihasimba araka ny filan' ny fitaka; **23** fa mba hohavaozina kosa ianareo amin' ny fanahin' ny sainareo, **24** ary mba hotafinareo ny toetra vaovao, izay noforonina araka an' Andriamanitra amin' ny fahitsiana sy ny fahamasinana momba ny fahamarinana. **25** Koa esory ny lainga, ka samia milaza ny marina amin' ny namany avy ianareo rehetra; fa samy isan' ny momba ny tenan' ny namantsika avokoa isika. **26** Tezera, fa aza manota; ary aoka tsy ho tratry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo. **27** Aza manome fitoerana ho an' ny devoly. **28** Aoka izay nangalatra tsy hangalatra intsony; fa aleo hikely aina ka hiasa izay tsara amin' ny tànany, mba hisy homeny izay tsy manana. **29** Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan' ny mihaino fahasoavana. **30**

Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin' Andriamanitra, Izay nanisiana tombo-kase anareo ho amin' ny andro fanavotana. **31** Esory aminareo ny fo-lentika rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra; **32** ary aoka samy halemy fanahy amin' ny namany avy ianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan' Andriamanitra ny helokareo ao amin' i Kristy.

5 Koa amin' izany dia aoka hanahaka an' Andriamanitra ianareo tahaka ny zanaka malala; **2** ary mandehana amin' ny fitiavana, toy ny nitiavan' i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny tenany ho fanatitra sy ho fanavotana amin' Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana, hamonjy antsika. **3** Fa ny fijangajangana sy ny fahalotoana rehetra, na ny fieremana, dia aza avela hotononina eo aminareo akory aza, fa tsy mahamendrika ny olona masìna izany, **4** na fahavetavetana, na resaka fahadalana, na voso-dratsy, izay tsy tokony hatao, fa aleo misaotra. **5** Fa fantatrareo marimarina fa samy tsy manana lova eo amin' ny fanjakan' i Kristy sy Andriamanitra na ny mpijangajanga rehetra, na ny olom-betaveta, na ny olona mierina (mpanompo sampy izany). **6** Aza mety hofitahin' olona amin' ny teny foana ianareo; fa izany zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran' Andriamanitra amin' ny zanaky ny tsi-fanarahana. **7** Koa aza mety ho mpiombona aminy ianareo. **8** Fa maizina ianareo fahiny, fa efa mazava ao amin' ny Tompo kosa ankehitriny; mandehana tahaka ny zanaky ny mazava **9** (fa ny vokatry ny mazava dia ao amin' ny fahatsarana rehetra sy ny fahamarinana ary ny fahitsiana), **10** mamantatra izay ankasitrahan' ny Tompo. **11** Ary aza miray amin' ny asan' ny maizina tsy mahavoka-tsoa, fa aleo mananatra izany. **12** Fa izay ataony ao amin' ny miafina, dia mahamenatra na dia ny milaza izany aza. **13** Fa ny zavatra rehetra, raha anarina, dia asehon' ny mazava; fa na inona na inona aseho dia mazava. **14** Koa izany no ilazany hoe: Mifohaza ianao izay matory, Ary mitsangàna amin' ny maty, Dia hampahazava anao Kristy. **15** Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, **16** ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao. **17** Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon' ny Tompo. **18** Ary aza ho mamon-divay ianareo, fa amin' izany dia misy fanaranam-po amin' ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy, **19** ka mifampilazà amin' ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an' ny Tompo, **20** misaotra an' Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin' ny anaran' i Jesosy Kristy Tompontsika, **21** sady mifanaiky amin' ny fahatahorana an' i Kristy, **22** Hianareo vehivavy, maneke ny vadinareo tahaka ny anekena ny Tompo. **23** Fa ny lahy no lohan' ny vavy, dia tahaka an' i Kristy koa no Lohan' ny fiangonana; ary Izy no mpamonjy ny tena. **24** Fa tahaka ny aneken' ny fiangonana an' i Kristy no haneken' ny vavy ny lahy koa amin' ny zavatra rehetra. **25** Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan' i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, **26** mba hahamasina azy amin' ny anadiovany azy amin' ny rano fanasana amin' ny teny; **27** mba horaisiny ho an' ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masìna sady tsy misy tsiny izy. **28** Dia tahaka izany koa, ny lehilahy tokony ho tia ny vadiny tahaka ny tenany ihany. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany. **29** Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an' i Kristy amin' ny fiangonana; **30** fa momba ny tenany isika. **31** Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hiray amin' ny vadiny, ary dia ho nofo iray ihany izy roroa. **32** Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin' i Kristy sy ny fiangonana aho. **33** Na dia izany aza, samia tia ny vadiny tahaka ny tenany ianareo lehilahy rehetra, ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy.

6 Anaka, maneke ny ray sy ny reninareo ao amin' ny Tompo, fa marina izany. **2** Manajà ny ray sy ny reninao (fa izany no didy voalohany misy teny fikasana), **3** mba hahita soa ianao sy ho maro andro ambonin' ny tany. **4** Ary ianareo ray, aza mampahatezitra ny zanakareo, fa tezao amin' ny famaizana sy ny fananaran' ny Tompo izy. **5** Hianareo mpanompo, maneke ny tomponareo araka ny nofo amin' ny fahatahorana sy ny fangovitana, amin' ny fahatsoran' ny fonareo, toy ny fanekena an' i Kristy ihany, **6** tsy amin' ny fanompoana eo imaso, tahaka ny mpila sitraka amin' olona, fa tahaka ny mpanompon' i Kristy manao izay sitrapon' Andriamanitra amin' ny fo, **7** amin' ny sitrapo manao fanompoana toy ny amin' ny Tompo, fa tsy amin' olona, **8** satria fantatrareo fa izay soa ataon' ny olona rehetra no horaisiny amin' ny Tompo, na andevo na tsy andevo izy. **9** Ary ianareo tompo, manaova toy izany aminy kosa, ka atsaharo ny fandrahonana, satria fantatrareo fa ny Tompony sady Tomponareo koa dia any an-danitra; ary tsy misy fizahan-tavan' olona aminy. **10** Farany, mahereza ao amin' ny Tompo sy amin' ny herin' ny faherezany. **11** Tafio avokoa ny fiadian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin' ny fanangolen' ny devoly. **12** Fa isika tsy mitolona amin' ny nofo aman-drà, fa amin' ny fanapahana sy amin' ny fanjakana sy amin' ny mpanjakan' izao fahamaizinana izao, dia amin' ny fanahy ratsy eny amin' ny rivotra. **(aiōn g165)** **13** Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin' ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra ianareo. **14** Mifahara ary, ka sikino fahamarinana ny valahanareo, ary mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra, **15** ary kiraroy ny fahavononam-panahy avy amin' ny filazantsaran' ny fihavanana ny tongotrareo; **16** ary ho fanampin' izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipìka mirehitra rehetra izay alefan' ilay ratsy. **17** Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha sy ny tenin' Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy; **18** ary mivavaha mandrakariva ao amin' ny Fanahy amin' ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin' izany amin' ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an' ny olona masìna rehetra, **19** ary ho ahy koa mba homena ahy ny hiloa-bava amin' ny

fahasahiana hampahafantatra ny zava-miafina momba ny filazantsara **20** (iraka migadra noho izany aho), mba hiteny izany amin' ny fahasahiana aho, toy izay mety hoteneniko. **21** Fa mba ho fantatrareo koa izay toetro, dia Tykiko, rahalahy malala sady mpanompo mahatoky ao amin' ny Tompo, no hampahalala anareo ny zavatra rehetra; **22** izy no nirahiko hilaza izany zavatra izany indrindra aminareo, mba ho fantatrareo ny toetray, ary mba hamporisihiny ny fonareo. **23** Fiadanana anie ho an' ny rahalahy ary fitiavana mbamin' ny finoana avy amin' Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. **24** Ny fahasoavana anie ho amin' izay rehetra tia an' i Jesosy Kristy Tompontsika amin' ny fitiavana tsy mety levona. Amena.

Filipiana

1 Paoly sy Timoty, mpanompon' i Kristy Jesosy, mamangy ny olona masìna rehetra ao amin' i Kristy Jesosy mbamin' ny mpitandrina sy ny diakona izay any Filipy; **2** ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. **3** Misaotra an' Andriamanitro amin' ny fahatsiarovako anareo **4** mandrakariva aho amin' ny fivavahako rehetra ho anareo rehetra, ka mangataka amin' ny fifaliana, **5** noho ny firaisanareo hampandroso ny filazantsara hatramin' ny andro voalohany ka mandraka ankehitriny; **6** ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara ao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin' ny andron' i Jesosy Kristy; **7** fa marina izany fiheverako anareo rehetra izany, satria efa mby ato am-poko ianareo, fa mpiombona ny fahasoavana ananako ianareo rehetra, na amin' ny fifatorako, na amin' ny famaliako hahafa-tsiny ny filazantsara sy ny fampianarako hahamafy orina azy. **8** Fa Andriamanitra no vavolombeloko fa manina anareo rehetra indrindra aho amin' ny famindram-pon' i Kristy Jesosy. **9** Ary izao no angatahiko, dia ny mbola hitomboan' ny fitiavanareo bebe kokoa amin' ny fahalalana tsara sy ny fahafantarana rehetra, **10** mba hamantaranareo izay zavatra tsara indrindra, mba ho madio am-po ary tsy hanan-tsiny ho amin' ny andron' i Kristy ianareo, **11** sady feno ny vokatry ny fahamarinana, izay avy amin' ny alalan' i Jesosy Kristy, ho voninahitra sy fiderana an' Andriamanitra. **12** Ary tiako ho fantatrareo, ry rahalahy, fa izay zavatra nanjo ahy dia efa tonga fampandrosoana ny filazantsara kosa; **13** ka ao amin' i Kristy ny fifatorako dia fantatry ny mpiambina andriana rehetra mbamin' ny olona hafa rehetra; **14** ary ny ankabiazan' ny rahalahy dia efa matoky ao amin' ny Tompo noho ny fifatorako ka mihasahisahy kokoa hitory ny tenin' Andriamanitra tsy amin' ny tahotra. **15** Fialonana sy fifandirana aza no itorian' ny sasany an' i Kristy, ary fifaliana kosa ny an' ny sasany; **16** fitiavana ny an' ny sasany, satria fantany fa voatendry ho mpanafa-tsiny ny filazantsara aho; **17** fifampiandaniana kosa no itorian' ny sasany an' i Kristy, fa tsy mba fo madio, ka mihevitra hanampy fahoriana ny fifatorako. **18** Ahoana ary no izy, afa-tsy izao? Amin' ny atao rehetra, na amin' ny fihatsaram-belatsihy, na amin' ny marina, dia Kristy no torina, ary mifaly amin' izany aho; eny, mbola hifaly ihany aho. **19** Fa fantatro fa ho tonga famonjena ahy izany noho ny fangatahanareo sy ny fanomezana ny Fanahin' i Jesosy Kristy, **20** araka ny hafatratry ny faniriako sy ny fanantenako fa tsy hahazo henatra aho, na amin' inona na amin' inona; fa amin' ny fahasahiana rehetra, tahaka ny amin' ny mandrakariva, dia ankehitriny koa no hankalazana an' i Kristy ao amin' ny tenako, na amin' ny fiainana, na amin' ny fahafatesana. **21** Fa Kristy no anton' ny ahavelomako, ary ny fahafatesana no hahazoako tombony. **22** Kanefa raha ny ho velona amin' ny nofo no hahavokaran' ny asako, dia tsy hitako izay hofidiko; **23** fa sanganehana eo anelanelan' izy roroa aho, maniry hiala ka ho ao amin' i Kristy, satria tsara lavitra izany; **24** kanefa kosa ny hitoetra eo amin' ny nofo no mahasoa anareo kokoa. **25** Ary satria matoky izany aho, dia fantatro fa hitoetra sy haharitra eo aminareo rehetra aho hahazoanareo fandrosoana sy fifaliana amin' ny finoanareo, **26** mba hitombo noho ny ataoko ny firavoravoanareo ao amin' i Kristy Jesosy amin' ny hankanesako atỳ aminareo indray. **27** Fa hany ataoko: aoka ny fitondran-tenanareo ho miendrika ny filazantsaran' i Kristy, mba handrenesako ny toetrareo (na ho tonga aho ka hahita anareo, na tsy ho tonga), fa maharitra amin' ny fanahy iray ianareo ka miray fo hiara-miezaka hampandroso ny finoana ny filazantsara, **28** ka tsy ho azon' ny fahavalo ampitahorina ianareo na amin' inona na amin' inona; fa amin' ireo dia mariky ny fahaverezana izany, nefa mariky ny famonjena anareo kosa, sady avy amin' Andriamanitra. **29** Fa ianareo efa nomena noho ny an' i Kristy, tsy ny hino Azy ihany, fa ny hiharam-pahoriana koa noho ny aminy, **30** dia manana izany ady izany ianareo, izay hitanareo teo amiko sady mbola renareo fa ato amiko ihany ankehitriny.

2 Koa raha misy famporisihana ao amin' i Kristy, raha misy fampiononana avy amin' ny fitiavana, raha misy firaisana amin' ny Fanahy, raha misy famindram-po sy fiantrana, **2** dia tanteraho ny fifaliako, mba hiraisanareo saina, miray fitiavana, miray fo, miray hevitra, **3** tsy manao na inona na inona amin' ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana fa amin' ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany. **4** Aza samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an' ny namany koa. **5** Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin' i Kristy Jesosy koa, **6** Izay, na dia nanana ny endrik' Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin' Andriamanitra, **7** fa nofoanany ny tenany tamin' ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin' ny olona; **8** ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin' ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin' ny hazo fijaliana. **9** Koa izany no nanandratan' Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, **10** mba ho amin' ny anaran' i Jesosy no handohalehan' ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny etỳ an-tany, na ny any ambanin' ny tany, **11** sy haneken' ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr' Andriamanitra Ray. **12** Koa amin' izany, ry malalako, tahaka ny nanekenareo mandrakariva, tsy fony teo aminareo ihany aho, fa ankehitriny dia bebe kokoa aza raha tsy eo aho, miasà amin' ny tahotra ny ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo. **13** Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony. **14** Ataovy ny zavatra rehetra amin' ny tsi-fimonomononana sy ny tsi-fisalasalana, **15** mba ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka ianareo, dia zanak' Andriamanitra tsy manana adidy eo amin' ny firenena meloka sy maditra, izay isehoanareo tahaka ny fanazavana eo amin' izao tontolo izao, **16** mitana ny tenin' ny fiainana, mba hisy ho reharehako amin' ny andron' i Kristy, ka tsy ho nihazakazaka foana aho na nisasatra foana. **17** Eny,

na dia haidina ho fanatitra aidina eo amin' ny fanatitra ny fisoronan' ny finoanareo aza aho, dia faly ka miara-mifaly aminareo rehetra. **18** Ary aoka izany no hampifaly anareo koa, ary miaraha mifaly amiko. **19** Nefa manantena ao amin' i Jesosy Tompo aho fa haniraka an' i Timoty faingana ho atỳ aminareo, mba hifaliako koa, rehefa fantatro ny toetrareo. **20** Fa tsy manana olona mitovy fanahy amiko aho na dia iray akory aza, izay hazoto hiahy anareo. **21** Fa izy rehetra dia samy mitady ny azy avy, fa tsy ny an' i Jesosy Kristy; **22** izy kosa dia fantatrareo fa lehilahy voazaha toetra, fa efa niara-nanompo tamiko teo amin' ny filazantsara, tahaka ny zanaka manompo ny rainy. **23** Ary izy no antenaiko hirahina faingana, rehefa hitako izay ho toetro. **24** Fa matoky ao amin' ny Tompo aho fa ny tenako dia mbola ho avy faingana koa. **25** Nefa nihevitra aho fa tokony hampandehaniko hankatỳ aminareo Epafrodito, rahalahiko sady mpiray asa amiko no miaramila namako ary irakareo sy mpanompo hanome izay nilaiko. **26** Fa manina anareo rehetra izy ka difotra alahelo, satria efa renareo fa narary izy. **27** Eny, fa narary saiky maty tokoa izy; nefa Andriamanitra namindra fo taminy, ary tsy taminy ihany, fa tamiko koa, fandrao hanana alahelo mifanontona aho. **28** Koa nazoto kokoa haniraka azy aho, mba hifalianareo, rehefa hitanareo indray izy, ary mba ho afaka alahelo kokoa aho. **29** Koa raiso ao amin' ny Tompo izy amin' ny fifaliana indrindra, ary omeo voninahitra izay olona tahaka izany; **30** fa saiky maty izy noho ny asan' i Kristy sady nanao ny ainy tsy ho zavatra mba hanefa izay tsy vitanareo tamin' ny fanompoana ahy.

3 Farany, ry rahalahy, mifalia ao amin' ny Tompo. Tsy manahirana ahy ny manoratra teny averina, fa mahatsara anareo izany. **2** Tandremo ny tenanareo amin' ny amboa, tandremo ny tenanareo amin' ny mpanao ratsy, tandremo ny tenanareo amin' ny voakilema. **3** Fa isika no voafora, izay manompo amin' ny Fanahin' Andriamanitra ary manao an' i Kristy Jesosy ho reharehantsika ka tsy mitoky amin' ny nofo; **4** kanefa mba manana izay hitokiako amin' ny nofo ihany aho. Raha misy olona hafa manao hitoky amin' ny nofo, mainka fa izaho; **5** fa voafora tamin' ny andro fahavalo aho, avy amin' ny fototr' isiraely, dia avy amin' ny firenen' i Benjamina; Hebreo sady avy amin' ny Hebreo aho; araka ny lalàna, dia Fariseo; **6** araka ny zotom-po, dia nanenjika ny fiangonana; araka ny fahamarinana avy amin' ny lalàna, dia tsy nanan-tsiny. **7** Nefa izay azoko ho tombony dia nataoko fatiantoka kosa noho ny amin' i Kristy. **8** Eny tokoa, fa ataoko ho fatiantoka avokoa ny zavatra rehetra noho ny fihoaran' ny hatsaran' ny fahalalana an' i Kristy Jesosy Tompoko, Izay niaretako ny fatiantoka ny zavatra rehetra, ka ataoko ho taimboraka ireny mba hahazoako an' i Kristy; **9** ary mba ho hita ao aminy aho tsy manana ny fahamarinako, izay avy amin' ny lalàna, fa izay avy amin' ny finoana an' i Kristy, dia ny fahamarinan' Andriamanitra amin' ny finoana; **10** eny, mba ho fantatro Izy sy ny herin' ny fitsanganany tamin' ny maty ary ny fiombonana amin' ny fijaliany ka hampitovina amin' ny endriky ny fahafatesany, **11** raha mba misy hahatratrarako ny fitsanganana amin' ny maty. **12** Tsy toy ny efa nahazo sahady aho, na efa tanteraka sahady; fa miezaka aho hihazona izay nihazonan' i Kristy Jesosy ahy. **13** Ry rahalahy, tsy mbola ataoko fa efa nahazo ny tenako; fa zavatra iray loha no ataoko; manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha, **14** eny, miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan' ny fiantsoan' Andriamanitra any ambony ao amin' i Kristy Jesosy. **15** Koa aoka isika rehetra izay tanteraka hihevitra izany; fa hasehon' Andriamanitra aminareo izany, raha sendra manana sain-kafa ianareo. **16** Kanefa aoka ho amin' ilay efa azontsika sahady no mbola hizorantsika. **17** Ry rahalahy, aoka samy hanahaka ahy ianareo, ka diniho izay mandeha tahaka ny anananareo anay ho marika. **18** Fa maro no mandeha, izay efa nolazaiko taminareo matetika, sady mbola lazaiko aminareo amin' ny fitomaniana koa ankehitriny, fa fahavalon' ny hazo fijalian' i Kristy ireny; **19** fahaverezana no hiafarany, ny kibony no andriamaniny, ny fahamenarany no voninahiny, fa misaina ny amin' ny tany izy. **20** Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamonjy, dia Jesosy Kristy Tompo, **21** Izay hanova ny tenan' ny fietren-tenantsika ka hitovy endrika amin' ny tenan' ny voninahiny, araka ny fiàsan' ny heriny, izay ahaizany hampanaiky ny zavatra rehetra ho Azy.

4 Ary amin' izany, ry rahalahy sady malalako no mahamanina ahy, fifaliako sy satro-boninahitro, tomoera tsara ao amin' ny Tompo ianareo, ry malalako. **2** Mananatra an' i Eodia aho, ary mananatra an' i Syntyke, mba hiray saina ao amin' ny Tompo izy. **3** Eny, mangataka aminao koa aho, ry ilay tena mpiara-miasa amiko, manampia azy roa vavy, fa niara-niasa fatratra tamiko teo amin' ny filazantsara izy, mbamin' i Klementa koa sy ny mpiara-miasa amiko sisa, izay voasoatra ao amin' ny bokin' ny fiainana. **4** Mifalia mandrakariva amin' ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia. **5** Aoka ho fantatry ny olona rehetra ny fandeferanareo. Efa mby akaiky ny Tompo. **6** Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin' ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin' Andriamanitra amin' ny zavatra rehetra. **7** Ary ny fiadanan' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin' i Kristy Jesosy. **8** Farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona maha-te-hotia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany. **9** Ataovy izay efa nianaranareo sy efa noraisinareo ary efa renareo sy efa hitanareo tamiko; ary ho aminareo ny Andriamanitry ny fiadanana. **10** Ary faly indrindra ao amin' ny Tompo aho, satria nampitsimohinareo indray ankehitriny ny fiheverana ahy, izay efa noheverinareo rahateo, saingy tsy mbola nahita andro hanaovana ianareo. **11** Tsy filan-javatra anefa no anaovako izany; fa izaho efa nianatra tsy hierina na manao ahoana na manao ahoana. **12** Mahalala hietry aho, ary mahalala hitombo; na aiza na aiza, ary na amin' inona na amin' inona, dia efa nampianarina ny ho voky

sy ho noana aho ary hanam-be sy halahelo. **13** Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin' ilay mampahery ahy. **14** Kanefa nanao soa ianareo no niaraka ory tamiko ka niantra ahy. **15** Ary fantatrareo koa, ry Filipiana, fa tamin' ny niandohan' ny filazantsara, rehefa niala tany Makedonia aho, tsy nisy fiangonana nanan-draharaha tamiko ny amin' ny fanomezana sy fandraisana, afa-tsy ianareo ihany. **16** Fa fony tany Tesalonika aza aho, dia nampanatitra ho ahy indray mandeha amana indroa ianareo hamonjy ahy. **17** Nefa tsy toy ny mitady ny fanomezana no izany; fa mitady ny vokatra izay hitombo ho voninahitrareo aho. **18** Fa manana ny zavatra rehetra aho sady manana amby ampy aza; feno aho, rehefa nandray tamin' i Epafrodito ilay zavatra nampitondrainareo, dia hanitra ankasitrahana, fanatitra tian' Andriamanitra sady ankasitrahany. **19** Fa Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin' ny voninahitra no amin' i Kristy Jesosy. **20** Ary ho an' Andriamanitra Raintsika anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **21** Manaova veloma ny olona masìna rehetra ao amin' i Kristy Jesosy. Manao veloma anareo ny rahalahy izay ato amiko. **22** Manao veloma anareo ny olona masìna rehetra, indrindra fa ny ankohonan' i Kaisara. **23** Ho amin' ny fanahinareo anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompo.

Kolosiana

1 Paoly, Apostolin' i Kristy Jesosy noho ny sitrapon' Andriamanitra, ary Timoty rahalahy, **2** mamangy ny olona masìna any Kolosia, dia ny rahalahy mahatoky ao amin' i Kristy: ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika. **3** Misaotra an' Andriamanitra, Rain' i Jesosy Kristy Tompontsika, izahay amin' ny fangatahanay mandrakariva ho anareo, **4** rehefa renay ny finoanareo an' i Kristy Jesosy sy ny fitiavanareo ny olona masìna rehetra, **5** noho ny fanantenana izay tehirizina any an-danitra ho anareo, dia ilay efa renareo fahiny tamin' ny tenin' ny fahamarinan' ny filazantsara, **6** izay efa mby eo aminareo, tahaka ny eny amin' izao tontolo izao koa, sady vokatra sy mitombo tahaka ny eo aminareo koa hatramin' ny andro nandraisanareo sy nahalalanareo tsara ny fahasoavan' Andriamanitra araka ny marina; **7** tahaka ny efa renareo tamin' i Epafra, mpanompo namanay sady malala, izay mpanompon' i Kristy mahatoky ho anay, **8** sady efa nanambara taminay koa ny fitiavanareo ao amin' ny Fanahy. **9** Ary noho izany izahay koa hatramin' ny andro nandrenesanay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony ianareo amin' ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin' ny Fanahy, **10** mba handehananareo miendrika ny Tompo, hanaovana ny sitrapony amin' ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amin' ny asa tsara rehetra sady mitombo amin' ny fahalalana tsara an' Andriamanitra, **11** ary ampahatanjahina amin' ny hery rehetra araka ny herin' ny voninahiny ho amin' ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amin' ny hafaliana, **12** ka misaotra ny Ray, Izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin' ny lovan' ny olona masìna eo amin' ny mazava, **13** sady nahafaka antsika tamin' ny fahefan' ny maizina ka namindra antsika ho amin' ny fanjakan' ny Zanany malalany, **14** Izay ananantsika fanavotana, dia ny famelana ny helotsika. **15** Izy no endrik' Andriamanitra tsy hita, ny Lahimatoa talohan' izao zavatra ary rehetra izao; **16** fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy etỳ ambonin' ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany; **17** ary Izy no talohan' ny zavatra rehetra, sady ao aminy no aharetan' ny zavatra rehetra. **18** Ary Izy no Lohan' ny tena, dia ny fiangonana; Izy no voalohany, dia ny Lahimatoa tamin' ny maty, mba ho Lohany amin' ny zavatra rehetra Izy. **19** Fa sitraky ny Ray ho ao aminy no hitoeran' ny fahafenoana rehetra, **20** sady Izy no hampihavanany ny zavatra rehetra aminy, ka dia ny rànу teo amin' ny hazo fijaliana no nanaovany fampihavanana — eny, Izy, hoy izaho, no fampihavanana izany, na ny etỳ ambonin' ny tany, na ny any an-danitra. **21** Ary ianareo, izay olon-ko azy fahiny sy fahavalo tamin' ny sainareo noho ny fanaovan-dratsy, no efa nampihavaniny ankehitriny **22** tao amin' ny tenan' ny nofony, tamin' ny fahafatesana, mba hatolony ho masìna sady tsy hanan-tsiny amam-pondro eo anatrehany, **23** raha maharitra amin' ny finoana ianareo ka mafy orina sady tafatoetra ary tsy mety hafindra hiala amin' ny fanantenana avy amin' ny filazantsara, izay efa renareo sady notorina eny ambanin' ny lanitra rehetra eny; ary izany no nanaovana ahy Paoly ho mpanompo. **24** Ankehitriny dia mifaly amin' ny fiaretako ho anareo aho, ary mahatanteraka ao amin' ny nofoko izay tsy vita tamin' ny fahorian' i Kristy ho an' ny tenany, dia ny fiangonana, **25** izay nanaovana ahy ho mpanompo araka ny fitondran' Andriamanitra nomena ahy ho anareo, hahatanteraka ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra, **26** dia ny zava-miafina, ilay voàfina hatramin' ny fahagola sy ny taranaka maro, fa voaseho ankehitriny amin' ny olony masìna, **(aiōn g165)** **27** izay efa tian' Andriamanitra ho nampahafantarina ny haren' ny voninahitr' ity zava-niafina ity any amin' ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra; **28** Izy no torinay, ka samy anarinay sy ampianarinay amin' ny fahendrena rehetra ny olona rehetra, mba samy hatolotray ho tanteraka ao amin' i Kristy izy rehetra. **29** Ary ny hahatanteraka izany no ikelezako aina koa sy iezahako fatratra araka ny fiàsan' ny herin' ilay miasa mahery ato anatiko.

2 Fa tiako ho fantatrareo ny hamafin' ny fiezahako ho anareo sy izay any Laodikia mbamin' izay rehetra tsy mbola nahita ny tavako amin' ny nofo, **2** mba hampifalina ny fony amin' ny ampiraisana azy amin' ny fitiavana sy ho amin' ny haren' ny fahatokiana be avy amin' ny fahazavan-tsaina, ho amin' ny fahalalana tsara ny zava-miafina izay an' Andriamanitra, dia Kristy, **3** Izay iafenan' ny rakitry ny fahendrena sy ny fahalalana rehetra. **4** Ary izany no lazaiko, fandrao hisy hampahadiso hevitra anareo amin' ny teny toa marina. **5** Fa na dia tsy manatrika anareo amin' ny nofo aza aho, dia manatrika anareo ihany amin' ny fanahy ka mifaly sy mijery ny filaminanareo sy ny tsi-fiovan' ny finoanareo an' i Kristy. **6** Koa tahaka ny nandraisanareo an' i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehana ao aminy araka izany koa, **7** ka mamaka tsara sy miorina mafy ao aminy ary tafatoetra amin' ny finoana, toy ny efa nampianarana anareo, ka mazoto amin' ny fisaorana. **8** Tandremo fandrao misy mahalasa anareo ho babony amin' ny filosofia sy ny famitahana foana, araka ny fampianarana voatolotry ny razana, araka ny abidim-pianaran' izao tontolo izao, fa tsy araka an' i Kristy. **9** Fa ao amin' ny tenany no itoeran' ny fahafenoan' ny fomban' Andriamanitra rehetra; **10** ary ianareo dia tanteraka ao aminy, sady Izy no Lohan' ny fanapahana sy ny fahefana rehetra, **11** ary tao aminy koa no namorana anareo tamin' ny famorana tsy nataon-tanana, tamin' ny fanesorana ny tenan' ny nofo, dia tamin' ny famoran' i Kristy; **12** fa niara-nilevina taminy ianareo tamin' ny batisa, izay niarahanareo natsangana taminy koa noho ny finoana ny asan' Andriamanitra, izay nanangana Azy tamin' ny maty. **13** Ary ianareo, izay efa matin' ny fahadisoana sy ny tsi-fiforan' ny nofonareo, dia novelominy niaraka tamin' i Kristy, rehefa navelany ny fahadisoantsika rehetra; **14** ary novonoiny ny sora-tànan' ny didy izay niampanga antsika; dia nesoriny tsy ho eo mihitsy izany ka nohomboany tamin' ny hazo fijaliana, **15** ary nesoriny tsy ho

eo amin' ny tenany ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon' izay avy nandresy. **16** Koa aza avela hisy hitsara anareo ny amin' ny fihinana, na ny fisotro, na ny andro firavoravoana, na ny voaloham-bolana, na ny Sabata; **17** aloky ny zavatra ho avy ireny, fa ny tenany dia an' i Kristy. **18** Aza mety hofitahina tsy hahazoanareo ny loka noho ny fanetren-tena haitraitra sy ny fivavahana amin' ny anjely, ka mitompo amin' ny zavatra efa hitany sady feno fiavonavonana noho ny fisainan' ny nofony **19** ka tsy mihazona ny Loha; Izy no itomboan' ny tena rehetra, izay velomina sy ampiraisina tsara amin' ny famavany sy ny hozatra, araka ny fampitomboan' Andriamanitra. **20** Ary raha niara-maty tamin' i Kristy ianareo ka efa afaka tamin' ny abidim-pianaran' izao tontolo izao, nahoana no toa mbola velona amin' izao tontolo izao ihany ianareo ka mety hodidiana hoe: **21** Aza mandray, aza manandrana, aza manendry — **22** levona amin' ny fanaovana ihany izany rehetra izany — araka ny didy sy ny fampianaran' olona? **23** Izany rehetra izany dia ankalazaina ho fahendrena amin' ny fivavahana haitraitra sy ny fanetren-tena ary ny fampahoriana ny tena, nefa tsy manan-kery akory hahasakana ny fampanaranana ny nofo.

3 Koa raha niara-natsangana tamin' i Kristy ianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin' ny itoeran' i Kristy, Izay mipetraka eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra. **2** Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany. **3** Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin' i Kristy ao amin' Andriamanitra. **4** Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiara-miseho aminy koa amin' ny voninahitra ianareo. **5** Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay etỳ an-tany, dia fijangajangana, fahalotoana, firehetam-po, fanirian-dratsy ary fieremana, dia fanompoan-tsampy izany; **6** fa izany zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran' Andriamanitra amin' ny zanaky ny tsi-fanarahana; **7** izany koa no nalehanareo fahiny, fony mbola velona taminy ianareo. **8** Fa ankehitriny, esory koa izao rehetra izao, dia fahatezerana, fiafonafonana, lolompo, fitenenan-dratsy, teny mahamenatra avy amin' ny vavanareo. **9** Aza mifandainga ianareo, fa efa narianareo ny toetra taloha mbamin' ny asany; **10** ary efa notafinareo ny toetra vaovao, izay havaozina ho amin' ny fahalalana tsara araka ny endrik' izay nahary azy. **11** Fa amin' izany dia tsy misy jentilisa sy Jiosy, na voafora sy tsy voafora, na barbariana sy Skytiana, na andevo sy tsy andevo, fa Kristy no zavatra rehetra sady amin' ny rehetra. **12** Koa mitafia famindram-po sy fiantrana, fahamoram-panahy, fanetren-tena, fahalemem-panahy, fandeferana, araka ny olom-boafidin' Andriamanitra sady masìna no malala. **13** Mifandefera, ka mifamelà heloka ianareo, raha misy manana alahelo amin' ny sasany; tahaka ny namelan' ny Tompo ny helokareo no aoka mba hamelanareo heloka kosa. **14** Ary aoka ho ambonin' izany rehetra izany ny fitiavana, fa fehin' ny fahatanterahana izany. **15** Ary aoka hanapaka ao am-ponareo ny fiadanan' i Kristy, fa ho amin' izany no niantsoana anareo ho tena iray; ary aoka ho feno fisaorana ianareo. **16** Aoka ny tenin' i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo amin' ny fahendrena rehetra, dia mifampianara ka mifananara amin' ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, mihira amin' ny fahasoavana ao am-ponareo ho an' Andriamanitra. **17** Ary na inona na inona no ataonareo, na amin' ny teny, na amin' ny asa, dia ataovy amin' ny anaran' i Jesosy Tompo izany, ka misaora Andriamanitra Ray amin' ny alalany. **18** Hianareo vehivavy, maneke ny vadinareo araka izay mety hatao ao amin' ny Tompo. **19** Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, ary aza sosotra aminy. **20** Hianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo amin' ny zavatra rehetra; fa ankasitrahana ao amin' ny Tompo izany. **21** Hianareo ray, aza mampahasosotra ny zanakareo, fandrao mamoy fo izy. **22** Hianareo mpanompo, maneke ny tomponareo araka ny nofo amin' ny zavatra rehetra, tsy amin' ny fanompoana eo imaso, tahaka ny mpila sitraka amin' olona, fa amin' ny fahatsoram-po, matahotra ny Tompo; **23** ary na inona na inona no ataonareo, dia ataovy amin' ny fo, tahaka ny ho an' ny Tompo, fa tsy ho an' olona, **24** satria fantatrareo fa ny Tompo no handraisanareo ny lova ho valiny; fa manompo an' i Kristy Tompo ianareo. **25** Fa izay manao ny tsy marina dia handray araka ny tsy marina nataony; fa tsy misy fizahan-tavan' olona,

4 Hianareo tompo, ataovy amin' ny mpanomponareo izay marina sy izay mety, satria fantatrareo fa ianareo koa mba manana Tompo any an-danitra. **2** Mahareta amin' ny fivavahana, ka miambena amin' izany amin' ny fisaorana, **3** ary mangataha koa ho anay, mba hamohan' Andriamanitra varavarana ho an' ny teny hilazanay ny zava-niafina izay an' i Kristy, sady izany no namatorana ahy, **4** mba haharihariko tsara izany tahaka izay tokony hitenenako. **5** Mandehana amin' ny fahendrena amin' izay ao ivelany, hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa. **6** Aoka ny fiteninareo ho amin' ny fahasoavana mandrakariva, ho mamy sira, mba ho fantatrareo izay tokony havalinareo ny olona rehetra. **7** Ny toetro rehetra dia holazain' i Tykiko aminareo, dia ilay rahalahy malala sy mpanompo mahatoky ary namako manompo ao amin' ny Tompo; **8** ny anton' ny nanirahako azy ho atỳ aminareo indrindra dia ny hahafantaranareo ny toetray, sy ny mba hamporisihany ny fonareo; **9** ary Onesimosy, rahalahy mahatoky sy malala izay avy aminareo, dia nirahiko koa. Izy roa lahy hampahafantatra anareo ny zavatra rehetra atỳ. **10** Manao-veloma anareo Aristarko, mpiara-mifatotra amiko, sy Marka, havan' i Barnabasy (ny aminy dia efa nandidiana anareo, ka raha tonga atỳ aminareo izy, dia raiso), **11** ary Jesosy, izay atao hoe Josto, avy amin' ny voafora ireo. Ireo ihany no mpiara-miasa amiko hampandroso ny fanjakan' Andriamanitra sady tonga fampiononana ahy. **12** Manao veloma anareo Epafra, ilay anankiray avy aminareo sady mpanompon' i Kristy Jesosy ary mikely aina mandrakariva amin' ny fangatahana ho anareo, mba hitoeranareo marina, ka hatoky tsara amin' izay rehetra mety ho sitrapon' Andriamanitra. **13** Fa vavolombelony aho fa mikely aina fatratra ho anareo sy ho an' ny any Laodikia ary ho an' ny any Hierapolia izy. **14**

Manao veloma anareo Lioka malala, mpanao fanafody, sy Demasy. **15** Manaova veloma ny rahalahy any Laodikia ary Nymfa sy ny fiangonana ao an-tranony. **16** Ary rehefa voavaky atỳ aminareo ity epistily ity, dia asaovy hovakina ao amin' ny fiangonan' ny Laodikiana koa; ary vakionareo kosa ilay avy amin' ny Laodikiana. **17** Ary lazao amin' i Arkipo hoe: Tandremo ny fanompoana izay noraisinao tao amin' ny Tompo mba hahatanterahanao izany. **18** Ity no veloma ataon' ny tanako, izaho Paoly. Tsarovy ny fifatorako. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

1 Tesaloniana

1 Paoly sy Silasy ary Timoty mamangy ny fiangonan' ny Tesaloniana, izay ao amin' Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo: ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana. **2** Misaotra an' Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo rehetra ka manonona anareo amin' ny fivavahanay, **3** sady tsy mitsahatra mahatsiaro ny asanareo amin' ny finoana sy ny fikelezanareo aina amin' ny fitiavana ary ny faharetanareo amin' ny fanantenana an i Jesosy Kristy Tompontsika eo imason' Andriamanitra Raintsika; **4** fa fantatray, ry rahalahy malalan' Andriamanitra, ny fifidianana anareo, **5** fa ny filazantsaranay tsy tonga teo aminareo tamin' ny teny ihany, fa tamin' ny hery koa sy ny Fanahy Masìna ary ny fahatokiana be, araka ny ahafantaranareo izay toetry ny fitondran-tenanay teo aminareo noho ny aminareo. **6** Ary ianareo efa nanahaka anay sy ny Tompo, satria nandray ny teny tamin' ny fahoriana be mbamin' ny hafaliana avy amin' ny Fanahy Masìna, **7** ka dia tonga fianarana ho an' ny mino rehetra any Makedonia sy Akaia ianareo. **8** Fa avy taminareo no nanenoan' ny tenin' ny Tompo, tsy tany Makedonia sy Akaia ihany, fa teny tontolo eny no nielezan' ny lazan' ny finoanareo an' Andriamanitra, ka dia tsy misy holazainay intsony. **9** Fa ireny ihany no milaza ny aminay, dia izay fidirana azonay ho atỳ aminareo sy ny nialanareo tamin' ny sampy hiverenana amin' Andriamanitra mba hanompo an' Andriamanitra velona sy marina, **10** ary mba hiandry ny Zanany avy any an-danitra, Izay natsangany tamin' ny maty, dia Jesosy, izay Mpanafaka antsika amin' ny fahatezerana ho avy.

2 Fa ny tenanareo, ry rahalahy, dia mahalala fa tsy foana ny fidiranay atỳ aminareo; **2** fa rehefa nampahorina sy nisetrasetrana tany Filipy izahay teo aloha, tahaka ny fantatrareo ihany, dia sahy tao amin' Andriamanitray izahay hiteny taminareo ny filazantsaran' Andriamanitra, na dia be aza ny fanoherana. **3** Fa ny fananaranay dia tsy avy amin' ny fitaka, na ny fahalotoana, na ny soloky. **4** Fa tahaka ny nankasitrahan' Andriamanitra anay, ka notolorana ny filazantsara ho adidinay izahay, dia araka izany koa no itenenanay, tsy toy ny mila sitraka amin' olona, fa amin' Andriamanitra, Izay mizaha toetra ny fonay. **5** Fa tsy nanao teny mandrobo akory izahay na oviana na oviana, tahaka ny fantatrareo ihany, na nihatsaravelatsihy hanafina fieremana (Andriamanitra no vavolombelona); **6** ary tsy nitady voninahitra tamin' olona izahay, na taminareo, na tamin' ny sasany, na dia nanam-pahefana hahavaky tratra aza izahay, araka izay mah' Apostolin' i Kristy anay. **7** Fa nalemy fanahy teo aminareo izahay, tahaka ny reny mitaiza ny zanany naterany, **8** dia toy izany no nahazoto anay, noho ny fitiavanay anareo indrindra; hanome anareo, tsy ny filazantsaran' Andriamanitra ihany, fa ny ainay koa aza, satria efa malalanay ianareo. **9** Fa tsaroanareo, ry rahalahy, ny fikelezanay aina sy ny fisasaranay; fa niasa andro aman' alina, mba tsy hahavaky tratra na dia olona iray akory taminareo aza, no nitorianay ny filazantsaran' Andriamanitra taminareo. **10** Hianareo no vavolombelona ary Andriamanitra koa fa masìna sy marina ary tsy nanantsiny tokoa ny fitondran-tenanay teo imasonareo izay mino, **11** toy ny fantatrareo fa tahaka ny ray amin' ny zanaka no namporisihanay sy nampiononanay anareo isam-batana sy nananaranay mafy anareo, **12** mba handehananareo miendrika an' Andriamanitra, Izay miantso anareo ho amin' ny fanjakany sy ny voninahiny. **13** Ary noho izany izahay koa dia tsy mitsahatra misaotra an' Andriamanitra, satria rehefa nandray ny tenin' Andriamanitra izay notorinay ianareo, dia tsy noraisinareo ho tenin' olona, fa araka izay marina, dia ny tenin' Andriamanitra, izay miasa anatinareo izay mino koa. **14** Fa ianareo, ry rahalahy, dia efa tahaka ny fiangonan' Andriamanitra any Jodia izay amin' i Kristy Jesosy; fa ny nanjo anareo noho ny nataon' ny iray firenena aminareo dia sahafa amin' ny nanjo ireo koa noho ny nataon' ny Jiosy taminy, **15** izay namono an' i Jesosy Tompo sy ny mpaminany koa ary nandroaka anay sady tsy manao ny sitrapon' Andriamanitra ary manohitra ny olona rehetra, **16** ka mandrara anay tsy hitory amin' ny jentilisa mba tsy hamonjena ireny, mba hameno ny fahotan' ny tenany mandrakariva; kanjo efa niharan' ny fahatezerana hatramin' ny farany izy. **17** Ary izahay, ry rahalahy, rehefa tafasaraka taminareo vetivety foana tamin' ny fanatrehana, fa tsy tamin' ny fo, dia vao mainka nitady sy naniry fatratra hahita ny tavanareo. **18** Koa naniry hankany aminareo indray mandeha amana indroa izahay, dia izaho Paoly; nefa nosakanan' i Satana izahay. **19** Fa inona moa no fanantenanay, na fifalianay, na satro-boninahitra reharehanay? Moa tsy ianareo eo anatrehan' i Jesosy Tompontsika amin' ny fihaviany va? **20** Fa ianareo no voninahitray sy fifalianay.

3 Ary amin' izany, raha tsy naharitra intsony izahay, dia nataonay fa mety ny hilaozana hitoetra irery tany Atena, **2** ka dia nirahinay Timoty, rahalahinay sady mpanompon' Andriamanitra amin' ny filazantsaran' i Kristy, mba hampahery sy hamporisika anareo amin' ny finoanareo, **3** mba tsy hisy ho taitra amin' izao fahoriana izao; fa ny tenanareo mahalala fa ho amin' izao no nanendrena antsika. **4** Fa fony teo aminareo aza izahay, dia nilaza taminareo rahateo fa tsy maintsy hampahorina isika, dia toy ny efa nanjo ihany ka fantatrareo. **5** Ary noho izany izaho koa, raha tsy naharitra intsony, dia naniraka hahafantatra ny finoanareo, fandrao sendra naka fanahy anareo ny mpaka-fanahy, ka ho foana ny nikelezanay aina. **6** Fa raha vao tonga atỳ aminay ankehitriny Timoty avy tatỳ aminareo ka nilaza teny taminay ny amin' ny finoanareo sy ny fitiavanareo ary ny fahatsiarovana anareo tsara anay mandrakariva, ka maniry hahita anay indrindra ianareo, tahaka anay aminareo koa, — **7** noho izany, ry rahalahy, dia nampionona anay teo amin' ny fahaterenay sy ny fahorianay rehetra ny finoanareo; **8** fa ankehitriny velona izahay, raha tomoetra tsara amin' ny Tompo ianareo. **9** Fa manao ahoana no saotra azonay havaly an' Andriamanitra ny aminareo noho ny fifaliana rehetra izay ifalianay noho ny aminareo eo anatrehan' Andriamanitray, **10** amin' ny fangatahanay fatratra andro aman' alina hahita ny tavanareo

sy hahatanteraka ny tsy ampy amin' ny finoanareo? **11** Ary Andriamanitra Raintsika anie sy Jesosy Tompontsika hanitsy ny lalanay ho atỳ **12** Ary ny Tompo anie hampitombo sy hampandroso anareo amin' ny fifankatiavana sy ny fitiavana ny olona rehetra, dia tahaka anay aminareo koa, **13** mba hampiorina ny fonareo tsy hanan-tsiny amin' ny fahamasinana eo anatrehan' Andriamanitra Raintsika amin' ny fihavian' i Jesosy Tompontsika mbamin' ny masiny rehetra.

4 Ary farany, ry rahalahy, mangataka aminareo sy mananatra anareo ao amin' i Jesosy Tompo izahay, mba ho araka ny nandraisanareo taminay izay mety handehananareo sy hanaovanareo ny sitrapon' Andriamanitra — dia araka ny andehananareo ihany — no hitomboanareo bebe kokoa. **2** Fa fantatrareo ny didy nomenay anareo avy tamin' i Jesosy Tompo. **3** Fa izao no sitrapon' Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo, hifadianareo ny fijangajangana, **4** mba samy hahafantatra izay hahazoanareo ny fanaky ny tenanareo avy, amin' ny fahamasinana sy ny voninahitra, **5** tsy amin' ny filàna fotsiny, tahaka ny jentilisa izay tsy mahalala an' Andriamanitra, **6** mba tsy hisy hanao saina hifetsy ny rahalahiny amin' izany; fa ny Tompo no mpamaly ny amin' izany zavatra rehetra izany, toy ny nolazainay sy nambaranay taminareo rahateo. **7** Fa Andriamanitra tsy niantso antsika ho amin' ny fahalotoana, fa amin' ny fahamasinana. **8** Koa izay mandà, dia tsy olona no laviny, fa Andriamanitra, Izay manome anareo ny Fanahiny Masìna. **9** Fa ny amin' ny fifankatiavan' ny mpirahalahy, dia tsy misy tokony hosoratako aminareo, satria ny tenanareo dia ampianarin' Andriamanitra hifankatia. **10** Fa manao izany ihany ianareo amin' ny rahalahy rehetra eran' i Makedonia; nefa mananatra anareo ihany izahay, ry rahalahy, mba hitombo bebe kokoa, **11** ary mba hokendrenareo ny ho tafatoetra tsara sy hitandrina ny raharahanareo ary hiasa amin' ny tananareo araka ny nandidianay anareo, **12** mba handehananareo amin' izay fitondran-tena mahamendrika amin' ny eo ivelany, ary mba tsy hanan-java-mahory ianareo. **13** Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny amin' izay modi-mandry, mba tsy hahalahelovanareo tahaka ny sasany izay tsy manana fanantenana. **14** Fa raha inoantsika fa efa maty Jesosy sady efa nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran' Andriamanitra izay efa nodi-mandry tao amin' i Jesosy hiaraka aminy. **15** Fa izao no lazainay aminareo amin' ny tenin' ny Tompo: isika, izay velona ka mbola mitoetra mandra-pihavin' ny Tompo, dia tsy mba hialoha izay efa nodi-mandry tsy akory. **16** Fa ny tenan' ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin' ny fiantsoana sy ny feon' ny arikanjely ary ny trompetran' Andriamanitra, ka izay maty ao amin i Kristy no hitsangana aloha; **17** ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin' ny rahona hitsena ny Tompo any amin' ny habakabaka; dia ho any amin' ny Tompo mandrakariva isika. **18** Koa dia mifampionòna ianareo amin' izany teny izany.

5 Fa ny amin' ny andro sy ny fotoana, ry rahalahy, dia tsy misy tokony hosoratako aminareo, **2** satria ianareo mahalala marimarina fa ho avy toy ny mpangalatra amin' ny alina ny andron' ny Tompo. **3** Raha misy olona manao hoe: Miadana sy mandry fahizay, dia hanjo azy tampoka ny fandringanana, toy ny fahararian' ny vehivavy raha miteraka, ka tsy ho afa-mandositra mihitsy izy. **4** Fa ianareo, ry rahalahy, tsy ao amin' ny maizina, mba hahatratra anareo toy ny mpangalatra izany andro izany. **5** Fa ianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro; tsy an' ny alina na an' ny maizina isika. **6** Koa dia aza mba matory toy ny sasany isika, fa aoka hiambina ka hahonon-tena. **7** Fa izay matory dia matory amin' ny alina; ary izay mamo dia mamo amin' ny alina. **8** Fa satria an' ny andro isika, dia aoka hahonon-tena ka hitafy ny finoana sy ny fitiavana ho fiarovan-tratra, ary ny fanantenana ny famonjena ho fiarovan-doha. **9** Fa Andriamanitra tsy nanendry antsika ho amin' ny fahatezerana, fa mba hahazo famonjena amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika, **10** Izay maty hamonjy antsika, mba hiara-belona aminy isika, na mahatsiaro na matory. **11** Koa mifananara sy mifampahatanjaha, tahaka ny ataonareo ihany. **12** Ary mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, mba hekenareo izay mikely aina eo aminareo sy mitondra anareo amin' ny Tompo ary mananatra anareo, **13** ary mba hohajainareo indrindra amin' ny fitiavana izy noho ny asany. Mihavàna tsara. **14** Ary mananatra anareo izahay, ry rahalahy; anaro izay tsy mitoetra tsara; omeo toky ny malemy saina; ampaherezo ny reraka; mandefera amin' ny olona rehetra. **15** Tandremo mba tsy hisy hamaly ratsy olona; fa miezaha mandrakariva hitady izay tsara, na amin' ny namanareo na amin' ny olona rehetra. **16** Mifalia mandrakariva. **17** Mivavaha, ka aza mitsahatra. **18** Misaora amin' ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy ho anareo. **19** Aza mamono ny Fanahy. **20** Aza manao tsinontsinona ny faminaniana. **21** Fantaro ny zavatra rehetra; hazòny mafy izay tsara. **22** Fadio ny fanao ratsy rehetra. **23** Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin' ny fihavian' i Jesosy Kristy Tompontsika. **24** Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany. **25** Ry rahalahy, mivavaha ho anay. **26** Manaova veloma ny rahalahy rehetra amin' ny fanorohana masìna. **27** Mampianiana anareo amin' ny Tompo aho mba hovakina amin' ny rahalahy rehetra ity epistily ity. **28** Ho aminareo anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompontsika.

2 Tesaloniana

1 Paoly sy Silasy ary Timoty mamangy ny fiangonan' ny Tesaloniana, izay ao amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo: **2** ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. **3** Tsy maintsy misaotra an' Andriamanitra mandrakariva izahay noho ny aminareo, ry rahalahy, fa mahamendrika isany, satria mitombo fatratra ny finoanareo, ary be ny fifankatiavanareo rehetra, **4** ka reharehan' ny tenanay ianareo eny amin' ny fiangonan' Andriamanitra noho ny faharetanareo sy ny finoanareo amin' ny fanenjehana rehetra izay manjo anareo sy ny fahoriana izay iaretanareo — **5** famantarana ny fitsarana marin' Andriamanitra izany — mba hatao ho miendrika ny fanjakan' Andriamanitra ianareo, sady izany koa no iaretanareo **6** fa zavatra marina amin' Andriamanitra ny hamaly fahoriana izay mampahory anareo, **7** ary ny hanome fitsaharana anareo izay ampahorina kosa mbamin' ny tenanay, raha hiseho Jesosy Tompo, avy any an-danitra mbamin' ny anjelin' ny heriny, **8** amin' ny afo midedadeda, hamaly izay tsy mahalala an' Andriamanitra sy izay tsy manaiky ny filazantsaran' i Jesosy Tompontsika, **9** dia olona izay hiharan' ny famaliana marina dia fahaverezana mandrakizay avy amin' ny fanatrehan' ny Tompo sy ny voninahitry ny heriny, **(aiōnios g166)** **10** raha tonga Izy mba hankalazaina eo amin' ny olony masìna sy higagana eo amin' izay rehetra mino amin izany andro izany, satria ninoana ny fanambaranay taminareo. **11** Ary izany no angatahinay mandrakariva ny aminareo, mba hataon' Andriamanitsika ho miendrika ny fiantsoana ianareo, ary hotanterahiny amin' ny hery ny fankasitrahana tsara rehetra sy ny asan' ny finoana, **12** mba hankalazaina ao aminareo ny anaran' i Jesosy Tompontsika, ary ianareo ao aminy kosa, araka ny fahasoavan' Andriamanitsika sy Jesosy Kristy Tompo.

2 Ary mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, ny amin' ny fihavian' i Jesosy Kristy Tompontsika sy ny hanangonana antsika ho eo aminy, **2** mba tsy halaky hohetsiketsehina amin' ny saina na hampitahorina ianareo, na amin' ny fanahy, na amin' ny teny, na amin' ny epistily izay toa avy aminay, milaza fa efa miandoha ny andron' ny Tompo. **3** Aza mety hofitahin' olona akory ianareo; fa tsy ho avy izany, raha tsy efa tonga aloha ny fihemorana, ka hiseho ilay lehilahin' ota, dia ilay zanaky ny fahaverezana, **4** ilay manohitra ka manandra-tena ho ambony noho izay rehetra atao hoe Andriamanitra, na izay ivavahana, ka dia mipetraka eo amin' ny tempolin' Andriamanitra izy ka manao ny tenany ho Andriamanitra. **5** Tsy tsaroanareo va fa fony mbola teo aminareo ihany aho, dia efa nilaza izany zavatra izany taminareo? **6** Ary ankehitriny fantatrareo ny zavatra misakana, mba hampisehoana azy amin' ny fotoan' androny. **7** Fa miasa sahady ny zava-miafina, dia ny tsi-fankatoavan-dalàna, kanefa mandra-panaisotra ilay misakana ankehitriny ihany. **8** Ary dia haseho ilay tena mpandika lalàna, izay holevonin' i Jesosy Tompo amin' ny fofonain' ny vavany ary hofoanany amin' ny fisehoan' ny fihaviany; **9** ny fihavin' ilehiny dia araka ny fiàsan' i Satana amin' ny hery sy ny famantarana sy ny fahagagana mandainga rehetra **10** ary ny famitahana momba ny tsi-fahamarinana amin' izay ho very, satria tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izay hamonjena azy izy. **11** Koa izany no ampanateran' Andriamanitra fiàsan' ny fahadisoan-kevitra aminy hinoany ny lainga, **12** mba hohelohina avokoa izay rehetra tsy nino ny marina, fa nankasitraka ny tsy marina. **13** Fa izahay tsy maintsy misaotra an' Andriamanitra mandrakariva ny aminareo, ry rahalahy malalan' ny Tompo, satria Andriamanitra efa nifidy anareo hatramin' ny voalohany hahazo famonjena amin' ny fanamasinan' ny Fanahy sy ny finoana ny marina, **14** sady ho amin' izany koa no niantsoany anareo tamin' ny filazantsaranay hahazoanareo ny voninahitr' i Jesosy Kristy Tompontsika. **15** Koa tomoera tsara, ry rahalahy, ka hazòny ny fampianarana natolotra izay nampianarina anareo, na tamin' ny teninay, na tamin' ny epistilinay. **16** Ary Jesosy Kristy Tompontsika sy Andriamanitra Raintsika, Izay efa tia antsika ka nanome antsika fampiononana mandrakizay sy fanantenana tsara amin' ny fahasoavana, **(aiōnios g166)** **17** no hampionona ny fonareo anie sy hampahery anareo amin' ny asa sy ny teny tsara rehetra.

3 Farany, ry rahalahy, mivavaha ho anay, mba handehanan' ny tenin' ny Tompo faingana ka hankalazaina toy ny eo aminareo, **2** ary mba hovonjena ho afaka amin' ny olona hafahafa sy ratsy fanahy izahay; fa tsy ary manana finoana avokoa ny olona rehetra. **3** Fa mahatoky ny Tompo, Izay hampahery sy hiaro anareo tsy ho azon' ny ratsy. **4** Fa izahay matoky anareo ao amin' ny Tompo, fa izay zavatra andidianay dia efa ataonareo sady mbola hataonareo ihany koa. **5** Ary ny Tompo anie hanitsy lalana ny fonareo ho amin' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ho amin' ny faharetan' i Kristy. **6** Ary mandidy anareo izahay, ry rahalahy, amin' ny anaran' i Jesosy Kristy Tompontsika, mba hialanareo amin' ny rahalahy rehetra izay tsy mitoetra tsara ka tsy manaraka ny fampianarana natolotra izay noraisiny taminay. **7** Fa ny tenanareo mahalala izay tokony hianaranareo anay; fa nitoetra tsara teo aminareo izahay, **8** ary tsy nihinana foana izay hanin' olona, fa niasa andro aman' alina tamin' ny fikelezan' aina sy ny fisasarana mba tsy hahavaky tratra na dia iray akory aminareo aza; **9** tsy noho ny tsy anananay fahefana anefa, fa mba hatolotray aminareo ho fianaranareo ny tenanay. **10** Fa fony mbola teo aminareo ihany aza izahay, dia nandidy anareo hoe: Raha misy tsy mety miasa, dia aoka tsy hihinana izy. **11** Fa renay fa misy ny sasany eo aminareo tsy mitoetra tsara, ka tsy miasa akory, fa mivezivezy foana miraharaha ny an' olona. **12** Ary izay manao toy izany no didianay sy anarinay ao amin' i Jesosy Kristy Tompo mba hiasa tsara amin' ny fiadanana ka hihinana izay azy ihany. **13** Fa ianareo, ry rahalahy, aza ketraka amin' ny fanaovan-tsoa. **14** Ary raha misy olona tsy manaiky ny teninay amin' ity epistily ity, mariho izany olona izany, ka aza mikambana aminy, mba hahamenatra azy. **15** Anefa aza dia atao fahavalo izy, fa anaro toy ny rahalahy. **16** Ary ny Tompon' ny fiadanana anie

hanome anareo fiadanana mandrakariva amin' ny zavatra rehetra. Ho aminareo rehetra anie ny Tompo. **17** Ity no veloma ataon' ny tanako, izaho Paoly; izao no famantarana eo amin' ny epistily rehetra; izao no soratro. **18** Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompontsika.

1 Timoty

1 Paoly, Apostolin' i Kristy Jesosy araka ny didin' Andriamanitra, Mpamonjy antsika, sy Kristy Jesosy fanantenantsika, **2** mamangy an' i Timoty, tena zanako amin' ny finoana: fahasoavana, famindram-po, fiadanana avy amin' Andriamanitra Ray sy Kristy Jesosy Tompontsika. **3** Toy ny nangatahako anao hitoetra any Efesosy, rehefa hankany Makedonia aho, mba handidianao ny sasany tsy hanao fampianarana hafahafa, **4** na hitandrina ny anganongano sy ny tantaram-pirazanana tsy hita lany izay mahatonga ady hevitra, fa tsy mampandroso ny fitondrana araka an' Andriamanitra amin' ny finoana, dia toy izany koa no ataoko ankehitriny. **5** Fa ny anton' ny didy dia fitiavana avy amin' ny fo madio sy ny fieritreretana tsara ary ny finoana tsy mihatsaravelatsihy, **6** izay nivilian' ny sasany, ka nania ho amin' ny taria foana izy, **7** dia olona izay te-ho mpampiana-dalàna, kanefa tsy fantany akory izay lazainy na izay itompoany. **8** Nefa fantatsika fa tsara ny lalàna, raha entin' ny olona araka izay antony, **9** ka fantany fa tsy ny olona marina no nanaovana ny lalàna, fa ny mpandika lalàna sy ny maditra, dia ny tsy matahotra an' Andriamanitra sy ny mpanota, ny olona tsy manaja izay masìna sy ny olona vetaveta, ny mpamono ray sy ny mpamono reny, ny mpamono olona, **10** ny mpijangajanga, ny sodomita, ny mpangalatra olona, ny mpandainga, ny mpianian-tsy tò, ary na inona na inona manohitra ny fampianarana tsy misy kilema, **11** araka ny filazantsaran' ny voninahitr' Andriamanitra finaritra, izay natolotra ho adidiko. **12** Misaotra an' i Kristy Jesosy Tompontsika aho, Izay nampahery ahy, fa nataony mahatoky aho ka notendreny ho amin' ny fanompoana, **13** dia izaho, izay mpiteny ratsy fahiny sady mpanenjika sy mpampahory; kanefa nahazo famindram-po aho, satria tamin' ny tsi-fahalalana no nanaovako izany noho ny tsi-finoana. **14** Fa be indrindra ny fahasoavan' ny Tompontsika tamin' ny finoana sy ny fitiavana, izay ao amin' i Kristy Jesosy. **15** Mahatoky ka tokony hekena amin' ny fankasitrahana rehetra izao teny izao: tonga tetỳ ambonin' ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota, ary amin' ireny izaho no lohany. **16** Kanefa izao no namindrana fo tamiko, dia ny mba hasehon' i Jesosy Kristy eo amiko, izay lohany, ny fahari-po rehetra ho fianarana ho an' izay hino Azy hahazoana fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **17** Ary ho an' ny Mpanjaka tsy manan-taloha, tsy mety maty, tsy hita, dia ho an' Andriamanitra tokana ihany anie ny laza sy ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **18** Izao didy izao no omeko anao, ry Timoty zanako, araka ireo faminaniana natao fahiny ny aminao ireo, mba ho entinao miady ny ady tsara ireo, **19** amin' ny itananao ny finoana sy ny fieritreretana tsara, izay efa narian' ny sasany, ka toy ny olona vaky sambo izy ny amin' ny finoana; **20** naman' ireny Hymeneo sy Aleksandro, izay natolotro ho an' i Satana mba hofaizana tsy hiteny ratsy.

2 Koa mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana, fisaorana, ho an' ny olona rehetra, **2** ho an' ny mpanjaka mbamin' izay rehetra manana fahefana, mba hiainantsika miadana sy mandry fahizay amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra sy ny fahamaotinana rehetra. **3** Izany no tsara ka ankasitrahana eo imason' Andriamanitra, Mpamonjy antsika, **4** Izay tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin' ny fahalalana ny marina. **5** Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona, **6** sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra, dia zavatra ho fitory amin' izao androny izao. **7** Mba hanao izany no nanendrena ahy ho mpitory sy Apostoly (milaza ny marina aho, fa tsy mandainga), ho mpampianatra ny jentilisa amin' ny finoana sy ny fahamarinana. **8** Koa tiako ny lehilahy hivavaka eny tontolo eny manandratanana masìna, tsy amin' ny fahatezerana na amin' ny fifandirana. **9** Ary toy izany koa ny vehivavy, hiravaka amin' ny fitafiana mahamendrika mbamin' ny fahamaotinana sy ny fahononan-tena, fa tsy amin' ny volo mirandrana sy ny volamena, na vato soa, na fitafiana saro-bidy, **10** fa amin' ny asa tsara, araka izay mahamendrika ny vehivavy manaiky ny fivavahana amin' Andriamanitra. **11** Aoka ny vehivavy hianatra mangingina ka hanaiky tsara. **12** Fa ny vehivavy tsy avelako hampianatra na hanapaka ny lehilahy, fa hangina ihany. **13** Fa Adama no natao voalohany, vao Eva. **14** Ary tsy Adama no voafitaka, fa ny vehivavy no voafitaka, ka dia tonga mpanota. **15** Nefa hovonjena ihany izy amin' ny fiterahan-jaza, raha maharitra amin' ny finoana sy ny fitiavana ary ny fahamasinana mbamin' ny fahononan-tena.

3 Mahatoky izao teny izao: Raha misy olona maniry ny asan' ny mpitandrina, dia maniry asa tsara izy. **2** Koa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, manam-bady tokana, mahonon-tena, hendry, tia filaminana, mampiantrano vahiny, mahay mampianatra, **3** tsy mpimamo lian' ady, tsy mpikapoka, fa mandefitra, tsy mpila ady, tsy mpitia vola, **4** manapaka tsara ny ankohonany, mampanaiky ny zanany amin' ny fahamaotinana tsara **5** (fa raha misy olona tsy mahay mitondra ny ankohonany, hataony ahoana no fitandrina ny fiangonan' Andriamanitra?), **6** tsy izay zazavao amin' ny fivavahana, fandrao hieboebo foana izy ka ho latsaka amin' ny fahamelohan' ny devoly. **7** Ary tsy maintsy ho tsara laza koa amin' izay eny ivelany izy, fandrao ho lavo amin' ny fananan-tsiny sy ny fandriky ny devoly. **8** Ny diakona koa toy izany ihany, ho maotona, tsy miroa teny, tsy tia divay be, tsy tia harena maloto, **9** mitandrina tsara ny zava-miafina ny amin' ny finoana amin' ny fieritreretana madio. **10** Ary aoka hizahan-toetra ireo aloha, dia vao hanao ny asan' ny diakona izy, raha tsy manan-tsiny. **11** Ny vehivavy koa ho toy izany ihany: maotona, tsy mpanendrikendrika, mahonon-tena, mahatoky amin' ny zavatra rehetra. **12** Aoka ny diakona samy hanam-bady tokana sady hanapaka tsara ny zanany sy ny ankohonany. **13** Fa izay efa mahavatra tsara ny asan' ny diakona dia mahazo toerana tsara ho an' ny tenany sy fahasahiana be amin' ny finoana izay ao amin' i Kristy Jesosy. **14** Izany zavatra izany dia soratako aminao, na dia manantena

hankatỳ aminao faingana aza aho; **15** fa raha tratra ela aho, dia ny hahafantaranao izay fitondran-tena mety hatao ao an-tranon' Andriamanitra, dia ny fiangonan' Andriamanitra velona, sady andry sy fiorenan' ny fahamarinana. **16** Ary iaraha-manaiky mihitsy fa lehibe ny zava-miafina ny amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, dia Ilay naseho teo amin' ny nofo, nohamarinina tao amin' ny Fanahy; hitan' ny anjely, notorina tany amin' ny jentilisa, ninoana teny amin' izao tontolo izao, nakarina tamin' ny voninahitra.

4 Fa ny Fanahy milaza marina fa amin' ny andro aoriana dia hihemotra amin' ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran' ny demonia, **2** amin' ny fihatsaram-belatsihin' ny mpilaza lainga, ka voapetaky ny vy mahamay ny fieritreretany, **3** izay mandrara tsy hanambady, ary mampifady hanina, izay nataon' Andriamanitra ho an' izay mino sady mahalala ny marina, mba horaisiny amin' ny fisaorana. **4** Fa ny zavatra rehetra nataon' Andriamanitra dia tsara avokoa, ka tsy misy tokony holavina, raha raisina amin' ny fisaorana, **5** satria hamasinin' ny tenin' Andriamanitra sy ny fivavahana izany. **6** Raha manoro hevitra ny rahalahy ny amin' izany zavatra izany ianao, dia ho mpanompo tsara an' i Kristy Jesosy, tezaina amin' ny tenin' ny finoana sy ny fampianarana tsara izay efa narahinao. **7** Fa ny anganongano ratsy fanaombavy antitra dia lavo, ka mampiasà ny tenanao ho amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra. **8** Fa mahasoa kely ihany ny fampiasana ny tena; fa ny toe-panahy araka an' Andriamanitra no mahasoa amin' ny zavatra rehetra ka manana ny teny fikasana ny amin' ny fiainana ankehitriny sy ny ho avy koa. **9** Mahatoky izao teny izao ka tokony hekena amin' ny fankasitrahana rehetra. **10** Fa izany no ikelezanay aina sy iezahanay, satria izahay manantena an' Andriamanitra velona, Izay Mpamonjy ny olona rehetra, indrindra fa izay mino. **11** Izany zavatra izany no andidio sy ampianaro. **12** Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an' ny mino ianao amin' ny fiteny, amin' ny fitondran-tena, amin' ny fitiavana, amin' ny finoana, amin' ny fahadiovana. **13** Mandra-pihaviko tandremo ny famakian-teny, ny fananarana, ny fampianarana. **14** Aza tsy mitandrina ny fanomezam-pahasoavana izay ao anatinao, izay nomena anao tamin' ny faminaniana sy ny fametrahantànan' ny loholona. **15** Mazotoa hihevitra izany zavatra izany, dia mikeleza aina fatratra amin' izany, mba hiseho amin' ny olona rehetra ny fandrosoanao. **16** Tandremo ny tenanao sy ny fampianaranao, ka mahareta amin' izany; fa raha manao izany ianao, dia hamonjy ny tenanao sy izay mihaino anao.

5 Aza mamely mafy loatra ny anti-panahy, fa anaro toy ny ray izy, ny tanora fanahy toy ny rahalahy, **2** ny vehivavy anti-panahy toy ny reny, ny tanora fanahy toy ny anabavy, amin' ny fahadiovana rehetra. **3** Omeo voninahitra ny mpitondratena izay efa mpitondratena tokoa. **4** Fa raha misy mpitondratena manana zanaka na zafy, aoka ireo hianatra aloha haneho izay toe-panahy araka an' Andriamanitra amin' ny ao an-tranony ka hamaly soa ny rainy aman-dreniny; fa izany no ankasitrahana eo anatrehan' Andriamanitra. **5** Fa izay efa mpitondratena tokoa ka irery tena dia efa manantena an' Andriamanitra ka maharitra amin' ny fangatahana sy ny fivavahana andro aman' alina **6** Fa izay vehivavy manaram-po amin' ny fahafinaretana dia maty fahavelony. **7** Ary izany zavatra izany no andidio, mba tsy hananany tsiny. **8** Fa raha misy tsy mamelona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia efa nandà ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino aza. **9** Aza soratana ho isan' ny mpitondratena izay latsaka noho ny enim-polo taona sady efa nanam-bady indray mandeha ihany **10** ary tsara laza amin' ny asa tsara; raha namelonjaza izy, raha nampiantrano vahiny, raha nanasa ny tongotry ny olona masìna, raha namonjy ny nozoim-pahoriana, raha nazoto nanaraka ny asa tsara rehetra. **11** Fa mandava ny mpitondra-tena tanora; fa raha tsy maharitra ny fifehezan' i Kristy izy, dia ta-hanam-bady **12** ka hahazo fanamelohana, satria nandà ny finoany voalohany izy. **13** Sady mianatra ho malaina koa izy ka mandehandeha mitety trano; ary tsy malaina ihany, fa mpilazalaza sy mpandehandeha miraharaha ny an' olona ka manao teny tsy mety. **14** Koa tiako ny mpitondratena tanora fanahy hanam-bady sy hanana zanaka sy hanapaka ny tranony ka tsy hanome vava ny fahavalo hiteny ratsy. **15** Fa ny sasany efa nivily sahady nanaraka an' i Satana. **16** Raha misy vehivavy mino manana mpitondratena, aoka izy hamelona azy, ary aza avela hahavaky tratra ny fiangonana, mba hamelomany izay efa mpitondratena tokoa. **17** Aoka ny loholona izay mitondra tsara hatao tokony hahazo fanajana roa heny indrindra fa izay nikely aina amin' ny teny sy ny fampianarana. **18** Fa hoy ny Soratra Masìna: "Aza manakombona ny vavan' ny omby mively vary ianao" Ary koa: "Ny mpiasa miendrika hahazo ny karamany". **19** Aza mandray teny hiampangana loholona, raha tsy misy vavolombelona roa na telo. **20** Izay manota dia anaro eo anatrehan' ny olona rehetra, mba hatahotra koa ny sasany. **21** Mananatra anao mafy aho eo anatrehan' Andriamanitra sy Kristy Jesosy ary ny anjely voafidy mba hotandremanao izany zavatra izany, tsy manao olon-tiana, na manao na inona na inona amin' ny fiangarana. **22** Aza malaky mametra-tanana amin' olona na iza na iza, ary aza miombona ota amin' ny sasany; tehirizo madio ny tenanao. **23** Aza misotro rano intsony fa misotroa divay kely noho ny vava-fonao sy ny fahosaosanao matetika. **24** Ny fahotan' ny olona sasany miharihary ka mialoha ho amin' ny fitsarana, fa ny an' ny sasany kosa manaraka ato aoriana. **25** Ary miharihary toy izany koa ny asa tsara; ary izay tsy toy izany dia tsy ho azo afenina.

6 Aoka izay andevo rehetra eo ambanin' ny zioga hanao ny tompony ho miendrika hohajaina tsara, mba tsy hitenenana ratsy ny anaran' Andriamanitra sy ny fampianarana. **2** Ary izay manana tompo mino dia aoka tsy hanao tsinontsinona azy, satria rahalahy izy; fa vao mainka tokony hotompoiny aza izy, satria mino sy malala ilay mpandray ny soa atao. Izany zavatra izany no ampianaro sy ananaro. **3** Raha misy olona manao fampianarana hafa

noho izany ka tsy manaiky ny teny tsy misy kilema, dia ny an' i Jesosy Kristy Tompontsika, sy ny fampianarana izay mahatonga ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, **4** dia mieboebo foana izy ka tsy mahalala na inona na inona, fa adala amin' ny fiadian-kevitra sy ny fiadian-teny izay mahatonga fialonana, fifandirana, fanaratsiana, fiahiahian-dratsy, **5** fifandirana lalandava, fanaon' ny olona vetaveta saina sady efa nialan' ny fahamarinana, manao ny toe-panahy araka an' Andriamanitra ho fahazoan-javatra. **6** Fa misy tombony lehibe tokoa ny toe-panahy araka an' Andriamanitra omban' ny fianinana. **7** Fa tsy nitondra na inona na inona ho amin' izao tontolo izao isika, sady hita fa tsy hahatondra na inona na inona hiala. **8** Fa raha manan-kanina sy fitafiana isika, dia aoka hianina amin' izany. **9** Ary izay ta-hanan-karena dia latsaka amin' ny fakam-panahy sy ny fandrika ary ny filàna maro tsy misy antony sady mandratra, izay mandentika ny olona ao amin' ny fandringanana sy ny fahaverezana. **10** Fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra, koa ny sasany izay fatra-pitady izany dia efa voavily niala tamin' ny finoana ka nanindrona ny tenany tamin' ny alahelo be. **11** Fa ianao kosa, sy lehilahin' Andriamanitra, mandosira izany zavatra izany, ka miezaha mitady fahamarinana, toe-panahy araka an' Andriamanitra, finoana, fitiavana, faharetana, fahalemem-panahy. **12** Miadia ny ady tsaran' ny finoana, hazòny ny fiainana mandrakizay; fa ho amin' izany no niantsoana anao koa sy nanaovanao ilay fanekena tsara teo imason' ny vavolombelona maro. **(aiōnios g166)** **13** Izaho mananatra anao eo anatrehan' Andriamanitra, Izay mamelona ny zavatra rehetra, ary eo anatrehan' i Kristy Jesosy, Izay nanao ilay fanekena tsara teo anatrehan' i Pontio Pilato, **14** mba hotehirizinao tsy hanan-tsiny amam-pondro hatramin' ny fisehoan' i Jesosy Kristy Tompontsika izany didy izany; **15** ny Andriana finaritra sady tokana, Mpanjakan' ny mpanjaka sy Tompon' ny tompo, no haneho izany amin' ny fotoany; **16** Izy ihany no manana ny tsi-fahafatesana, mitoetra eo amin' ny mazava tsy azo hatonina, Izay tsy hitan' olona sady tsy hainy jerena; ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay. Amena. **(aiōnios g166)** **17** Anaro ny mpanankarena amin' izao fiainana ankehitriny izao mba tsy hiavonavona, na hatoky ny harena miovaova, fa Andriamanitra, Izay manome antsika malalaka ny zavatra rehetra mba hifaliantsika, **(aiōn g165)** **18** mba hanao soa, mba hanan-karena amin' ny asa tsara, hazoto manome sy miantra, **19** ka dia hihary fanorenana tsara ho an' ny tenany ho amin' ny andro ho avy, mba hihazonany ny tena fiainana. **20** Ry Timoty, tehirizo ilay natolotra anao, ka mialà amin' ny fibedibedena foana sy ny fanoherana avy amin' izay atao hoe fahalalana, kanjo tsy izy, **21** izay neken' ny sasany, ka nania tamin' ny finoana izy. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

2 Timoty

1 Paoly, Apostolin' i Kristy Jesosy noho ny sitrapon' Andriamanitra, mba ho mpitory ny teny fikasana milaza ny fiainana izay ao amin' i Kristy Jesosy, **2** mamangy an' i Timoty, zanako malala: ho aminao anie ny fahasoavana sy ny famindram-po ary ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Ray sy Kristy Jesosy Tompontsika. **3** Misaotra an' Andriamanitra aho, Izay tompoiko araka ny nataon' ny razako amin' ny fieritreretana madio, fa tsy manam-pitsaharana akory ny fahatsiarovako anao amin' ny fivavahako andro aman' alina; **4** ary maniry hahita anao aho (satria tsaroako ny ranomasonao), mba ho feno fifaliana aho; **5** fa nisy nahatsiarovako ny finoana tsy mihatsaravelatsihy izay ao anatinao, izay nitoetra taloha tao anatin' i Loisa renibenao sy Eonika reninao, ary matoky aho fa ao anatinao koa izany. **6** Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra, izay ao anatinao tamin' ny fametrahako ny tanako. **7** Fa tsy nomen' Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena. **8** Koa aza menatra ny ho vavolombelon' ny Tompontsika, na ahy mpifatony ianao; fa aoka ianao ho mpiombona ny fahoriana noho ny filazantsara araka ny herin' Andriamanitra, **9** Izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin' ny fiantsoana masìna, tsy araka ny asantsika, fa araka ny fikasany sy ny fahasoavany izay nomena antsika tao amin' i Kristy Jesosy hatry ny fony fahagola; **(aiōnios g166)** **10** fa naharihary ankehitriny tamin' ny nisehoan' i Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika, Izay nahafoana ny herin' ny fahafatesana, ka ny filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana sy ny tsi-fahalòvana mandrakizay; **11** ny amin' io filazantsara io no nanendrena ahy ho mpitory sy Apostoly ary mpampianatra. **12** Ary noho izany koa no iaretako izao zavatra izao, ka tsy menatra aho, satria fantatro Izay inoako, ary matoky aho fa Izy dia mahatahiry ilay zavatra natolotro Azy mandra-pihavin' izay andro izay. **13** Tano amin' ny finoana ny ny fitiavana ao amin' i Kristy Jesosy ny mariky ny teny tsy misy kilema, izay efa renao tamiko. **14** Ilay zavatra tsara natolotra anao dia tehirizo amin' ny fampaherezan' ny Fanahy Masìna, Izay mitoetra ao anatintsika. **15** Fantatrao fa efa nahafoy ahy izay rehetra any Asia; isan' ireny Fygelo sy Hermogena. **16** Homen' ny Tompo famindram-po anie ny ankohonan' i Onesiforosy; satria namelombelona ny fanahiko matetika izy, fa tsy menatra ny gadrako; **17** fa raha tany Roma izy, dia nitady ahy fatratra ka nahita **18** (ny Tompo anie hampahita azy famindram-po amin' ny Tompo amin' izay andro izay); ary ny hafatratry ny nanompoany ahy tany Efesosy dia fantatrao tsara.

2 Koa ianao, anaka, dia aoka hihahery amin' ny fahasoavana izay ao amin' i Kristy Jesosy. **2** Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan' ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa. **3** Miaraha miaritra ny mafy amiko ianao tahaka ny miaramila tsaran' i Kristy Jesosy. **4** Ny miaramila manafika dia tsy mba misy maningo-tena amin' ny raharahan' izao fiainana izao, mba hahafaly izay efa nifidy azy ho miaramila. **5** Ary raha misy manezaka amin' ny filalaovana, dia tsy satrohana satro-boninahitra izy, raha tsy manezaka araka ny lalàna. **6** Ny mpiasa tany izay misasatra no tokony ho voalohany handray ny vokatra. **7** Diniho izay lazaiko, fa homen' ny Tompo fahazavan-tsaina ny amin' ny zavatra rehetra ianao. **8** Tsarovy Jesosy Kristy Izay natsangana tamin' ny maty, dia Ilay avy tamin' ny taranak' i Davida, araka ny filazantsarako, **9** izay iaretako fahoriana hatramin' ny fatorana aza, hoatra ny mpanao ratsy; nefa ny tenin' Andriamanitra dia tsy mba voafatotra. **10** Izany no iaretako ny zavatra rehetra noho ny amin' ny olom-boafidy, mba hahazoan' ireny koa famonjena, dia izay ao amin' i Kristy Jesosy, mbamin' ny voninahitra mandrakizay. **(aiōnios g166)** **11** Mahatoky izao teny izao: Fa raha miara-maty aminy isika, dia hiara-belona aminy koa; **12** raha miaritra isika, dia hiara-manjaka aminy; raha mandà Azy isika, Izy kosa handà antsika; **13** fa na dia tsy matoky Azy aza isika, dia mbola mahatoky ihany Izy, fa tsy mahazo mandà ny tenany. **14** Izany zavatra izany no ampahatsiarovy ny olona, ka anaro mafy eo anatrehan' ny Tompo izy mba tsy hiady teny, satria tsy mahasoa akory izany, fa mamadika ny mpihaino, **15** Mazotoa manolotra ny tenanao amin' Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana. **16** Fa halaviro ny fibedibedena foana; fa mbola handroso amin' ny haratsiam-panahy ihany izy ireny, **17** ary ny teniny dia handany tahaka ny aretina mihady; isan ireny Hymeneo sy Fileto, **18** izay nania tamin' ny marina ka milaza fa efa lasa sahady ny fitsanganan' ny maty, dia mamadika ny finoan' ny sasany. **19** Kanefa ny fanorenana mafy nataon' Andriamanitra dia miorina tsara sady manana izao tombo-kase izao: "Ny Tompo mahalala ny azy", ary koa: "Aoka ny olona rehetra izay manonona ny anaran' ny Tompo hiala amin' ny ratsy." **20** Fa ao an-trano lehibe, tsy dia fanaka volamena sy volafotsy ihany no ao, fa fanaka hazo sy tany koa, ny sasany homem-boninahitra, ary ny sasany halam-baraka. **21** Koa raha misy olona manadio ny tenany ho afaka amin' ireny, dia ho fanaka homem-boninahitra izy, efa nohamasinina ka mahasoa ho an' ny Tompo, voavoatra ho amin' ny asa tsara rehetra. **22** Fa mandosira ny filan' ny tanora fanahy; ary miezaha mitady fahamarinana, finoana, fitiavana, fihavanana amin' izay miantso ny Tompo amin' ny fo madio. **23** Fa mandava ny fanontaniana adaladala tsy misy antony, satria fantatrao fa mahatonga ady izany. **24** Ary tsy mety raha miady ny mpanompon' ny Tompo, fa ho malemy fanahy amin' ny olona rehetra, mahay mampianatra, mahalefitra, **25** mananatra ny mpanohitra amin' ny fahamoram-panahy; fa angamba Andriamanitra hanome azy fibebahana hahalalany tsara ny marina, **26** ka hody ny sainy ho afaka amin' ny fandriky ny devoly, izay nanao azy sambo-belona hanao ny sitrapony.

3 Fa aoka ho fantatrao izao: fa any am-parany any dia hisy andro mahory. **2** Fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masìna,

3 tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, **4** mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an' Andriamanitra, **5** manana ny endriky ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, nefa nandà ny heriny; ireny koa dia halaviro. **6** Fa isan' ireny izay misokosoko miditra any an-tranon' ny sasany ka mahalasa ho babo ny vehivavy adaladala, vesaran' ny fahotana, entin' ny filàna maro, **7** mianatra mandrakariva, nefa tsy mahatratra ny fahalalana ny marina. **8** Ary tahaka ny nanoheran' i Jana sy Jambra an' i Mosesy no anoheran' ireo koa ny fahamarinana, dia olona maloto saina sady tsy manam-pinoana marina. **9** Kanefa tsy handroso intsony izy; fa ny hadalany dia haseho amin' ny olona rehetra, tahaka ny an' ireo koa. **10** Fa ianao kosa dia efa nanaraka tsara ny fampianarako, ny fitondran-tenako, ny fisainako, ny finoako, ny fandeferako, ny fitiavako, ny faharetako, **11** ny nanenjehana ahy, ny fahoriana izay nanjo ahy tany Antiokia, tany Ikonioma, tany Lystra, dia ny fanenjehana izay niaretako; ary ny Tompo nahafaka ahy tamin' izany rehetra izany. **12** Eny, izay rehetra te-ho velona amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, izay ao amin' i Kristy Jesosy, dia henjehina. **13** Fa ny ratsy fanahy sy ny mpanoloky kosa dia handroso hiharatsiratsy kokoa sady mamitaka no fitahina. **14** Fa ianao kosa dia mahareta amin' izay zavatra nianaranao sy nampinoana anao, satria fantatrao izay nampianatra anao izany; **15** fa hatry ny fony vao zaza ianao dia efa nahalala ny Soratra Masìna, izay mampahahendry anao ho amin' ny famonjena amin' ny finoana izay ao amin' i Kristy Jesosy. **16** Izay soratra rehetra nomen' ny tsindrimandrin' Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin' ny fahamarinana, **17** mba ho tanteraka ny olon' Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin' ny asa tsara rehetra.

4 Eo anatrehan' Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin' ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy: **2** mitoria ny teny, mazotoa, na amin' ny fotoana, na tsy amin' ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin' ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra. **3** Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan' ny olona ny fampianarana tsy misy kilema; fa hangidihidy sofina izy, dia hamory mpampianatra ho azy araka ny filany; **4** ary hampiala ny sofiny amin' ny teny marina tokoa izy ka hivily ho amin' ny anganongano. **5** Fa ianao kosa mahonona tena amin' ny zavatra rehetra, miareta fahoriana, ataovy ny asan' ny evanjelista, tanteraho ny fanompoanao. **6** Fa izaho dia efa hatolotra sahady, ary efa mba akaiky ny andro fialàko. **7** Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahana aho; nitahiry ny finoana aho; **8** hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satro-boninahitry ny fahamarinana, izay homen ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an' izay rehetra tia ny fisehoany koa. **9** Mazotoa hankatỳ amiko faingana ianao; **10** fa Demasy efa nandao ahy, satria tia izao fiainana izao izy ka lasa nankany Tesalonika; Kreska nankany Galatia, Titosy nankany Dalmatia. **(aiōn g165)** **11** Lioka ihany no ato amiko. Alao Marka, ka ento miaraka aminao, fa mahasoa ahy amin' ny fanompoana izy. **12** Tykiko dia nirahiko ho any Efesosy. **13** Ilay kapôty navelako tany Troasy tao amin' i Karpo, dia ento, raha mankaty ianao, ary ny boky, indrindra fa ireo boky hoditra. **14** Aleksandro, mpanefy varahina, efa nanisy ratsy ahy be loatra; ny Tompo hamaly azy araka ny asany; **15** tandremonao ihany izy iny, fa nanohitra fatratra ny teninay. **16** Tamin' ny nandaharako voalohany hanala tsiny ny tenako dia tsy nisy nomba ahy, fa nandao ahy avokoa izy rehetra (aza mba isaina ho helony anie izany). **17** Kanefa ny Tompo nitsangana teo anilako ka nampahery ahy, mba hotanterahina tokoa amin' ny ataoko ny fitorian-teny, ary mba ho ren' ny jentilisa rehetra izany; ary izaho novonjena tao am-bavan' ny liona. **18** Ary ny Tompo hanafaka ahy amin' ny asa ratsy rehetra ka hamonjy ahy ho any amin' ny fanjakany any an-danitra; ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **19** Manaova veloma amin' i Prisila sy Akoila mbamin' ny ankohonan' i Onesiforosy; **20** Erasto nitoetra tany Korinto; fa Trofimo nilaozako tany Mileto, satria narary izy. **21** Mazotoa hankatỳ alohan' ny ririnina. Manao veloma anao Eobolo sy Poda sy Lino sy Klaodia mbamin' ny rahalahy rehetra. **22** Ho amin' ny fanahinao anie ny Tompo. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

Titosy

1 Paoly, mpanompon' Andriamanitra sy Apostolin' i Jesosy Kristy hampandroso ny finoan' ny olom-boafidin' Andriamanitra sy ny fahalalana tsara ny marina izay manaraka ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, **2** amin' ny fanantenana ny fiainana mandrakizay izay nampanantenain' Andriamanitra tsy mahay mandainga hatry ny fony fahagola; **(aiōnios g166)** **3** fa tamin' izay andro voatendry dia nasehony ny teniny tamin' ny tori-teny izay natolotra ho adidiko, araka ny didin' Andriamanitra, Mpamonjy antsika; **4** ho an' i Titosy, tena zanako araka ny finoana iombonantsika, anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Ray sy Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika. **5** Izao no namelako anao tany Kreta, dia ny handaminanao izay mbola tsy tanteraka sy hanendrenao loholona amin' ny isan-tanàna, araka ny nandidiako anao; **6** raha misy tsy manan-tsiny, dia lehilahy manambady tokana, manana zanaka mino izay tsy mba ampangaina ho mpanaram-po amin' ny ratsy na ho maditra. **7** Fa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, fa mpitandrina ny an' Andriamanitra, tsy mitompo teny fantatra, tsy mora tezitra, tsy mpimamo lian' ady, tsy mpikapoka, tsy tia harena maloto, **8** fa mampiantrano vahiny, tia ny tsara, mahonon-tena, marina, masìna, mahonom-po, **9** mitana mafy ny teny marina araka ny efa nampianarina, mba hahaizany hananatra amin' ny fampianarana tsy misy kilema sady handresy lahatra ny mpanohitra. **10** Fa maro no maditra, mpitaria foana sy mpamitaka, indrindra fa ny avy amin' ny voafora — **11** tsy maintsy hotampenam-bava ireo — izay mampivadika mpianakavy maro, fa mampianatra izay tsy mety, mba hahazoany harena maloto. **12** Hoy ny anankiray amin' ireny, izay mpaminany teo aminy: "Mpandainga mandrakariva ny Kretana, biby ratsy, kamo be tenda". **13** Marina izany vavolombelona izany. Ary noho izany dia anaro mafy izy mba hatanjaka amin' ny finoana, **14** tsy mitandrina ny anganonganon' ny Jiosy sy ny didin' ny olona izay mivily miala amin' ny fahamarinana. **15** Madio avokoa ny zavatra rehetra raha amin' ny olona madio; fa raha amin' ny olona voaloto sady tsy mino kosa dia tsy misy madio na inona na inona; fa voaloto na ny sainy na ny fieritreretany. **16** Manaiky fa mahalala an' Andriamanitra izy, nefa mandà Azy amin' ny asany, dia olona vetaveta sady tsy manaraka ary olona tsy izy, izay tsy manao asa tsara na inona na inona.

2 Fa ianao kosa dia milazà izay miendrika ny fampianarana tsy misy kilema; **2** ny lehilahy anti-panahy anaro hahonon-tena, ho maotona, ho hendry, hatanjaka amin' ny finoana, amin' ny fitiavana, amin' ny faharetana. **3** Ny vehivavy anti-panahy koa anaro hitondra tena toy izay miendrika ny olona masìna, tsy ho mpanendrikendrika, tsy ho andevozin' ny divay be, ho mpampianatra ny zavatra tsara, **4** mba hampianarany ny vehivavy tanora fanahy ho tia ny vadiny, ho tia ny zanany, **5** hahonon-tena, ho madio toe-panahy, hiasa ao an-tranony, ho tsara fanahy, hanaiky ny vadiny, mba tsy hitenenana ratsy ny tenin' Andriamanitra. **6** Ny lehilahy tanora fanahy koa anaro hahonon-tena; **7** ka amin' ny zavatra rehetra dia asehoy ny tenanao ho fianarana ny asa tsara, amin' ny fampianaranao maneho ny tsi-faharatsiana, ny fahamaotinana, **8** ny teny tsy misy kilema, izay tsy azo tsinina, mba ho menatra izay manohitra; satria tsy hisy ratsy hitenenany anareo. **9** Ny mpanompo koa dia anaro hanaiky ny tompony ka hanao izay sitrapony amin' ny zavatra rehetra, fa tsy hamalivaly, **10** tsy hangalatetỳ, fa haneho izay toe-panahy mahatoky indrindra, mba hampahamendrika ny fampianaran' Andriamanitra, Mpamonjy antsika, amin' ny zavatra rehetra. **11** Fa efa miseho ny fahasoavan' Andriamanitra, izay famonjena ny olona rehetra, **12** mampianatra antsika handà izay toe-panahy tsy araka an' Andriamanitra sy ny filan' izao tontolo izao ary ho velona amin' ny onony sy ny marina ary ny toe-panahy araka an' Andriamanitra amin' izao fiainana ankehitriny izao, **(aiōn g165)** **13** miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan' ny voninahitr' Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika, dia Jesosy Kristy, **14** Izay nanolotra ny tenany hamonjy antsika, mba hanavotany antsika ho afaka amin' ny ota rehetra, sy hanadiovany izay olona ho an' ny tenany, sady ho mazoto indrindra amin' ny asa tsara izany. **15** Izany no lazao sy ananaro ary andrarao amin' ny fahefana rehetra. Aza avela hisy hanao tsinontsinona anao.

3 Mampahatsiarova azy hanaiky izay manapaka sy manam-pahefana, hanoa tsara, ho vonona ho amin' ny asa tsara rehetra, **2** tsy hiteny ratsy olona, tsy ho mpila ady, fa ho mpandefitra, maneho ny halemem-panahy rehetra amin' ny olona rehetra. **3** Fa isika koa dia adala fahiny, tsy nanaiky, voafitaka, dia andevon' ny filàna sy ny fahafinaretana maro, ary velona teo amin' ny lolompo sy ny fialonana, sady hala no nifankahala. **4** Fa rehefa niseho ny fahamoram-panahin' Andriamanitra, Mpamonjy antsika, sy ny fitiavany ny olona, **5** dia tsy avy tamin' ny asa amin' ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindram-po kosa no namonjeny antsika, tamin' ny fanasan' ny fiterahana indray sy ny fanavaozan' ny Fanahy Masìna, **6** Izay naidiny betsaka tamintsika tamin' ny alalan' i Jesosy Kristy, Mpamonjy antsika, **7** mba hohamarinina amin' ny fahasoavany isika ka ho tonga mpandova araka ny fanantenana ny fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **8** Mahatoky izany teny izany, ary izany zavatra izany dia tiako hitompoanao mafy, mba hotandreman' izay efa mino an' Andriamanitra ny hanao asa tsara. Sady tsara no mahasoa ny olona izany zavatra izany. **9** Fa halaviro ny fanontaniana adala sy ny tantaram-pirazanana sy ny fifandirana sy ny ady teny ny amin' ny lalàna; fa tsy mahasoa sady zavapoana izany. **10** Izay mpanao hevi-diso, rehefa nanarinao indray maka na indroa, dia ialao, **11** satria fantatrao fa voavadika izay manao izany ka sady manota no manamelotena koa. **12** Rehefa maniraka an' i Artema ny Tykiko ho atỳ aminao aho, dia mazotoa hankany amiko any Nikopolia ianao, fa mikasa handany ny ririnina any aho. **13** Mazotoa hamoaka an' i Zena mpahay lalàna sy Apolosy, mba tsy hisy zavatra hilainy. **14** Ary aoka ny antsika koa hianatra

hanao asa tsara hahazoany izay ilainy, fandrao tsy hisy vokatra izy. **15** Manao veloma anao izay rehetra atỳ amiko. Manaova veloma izay rehetra tia anay amin' ny finoana. Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana.

Filemona

1 Paoly, mpifatotra an' i Kristy Jesosy, ary Timoty rahalahy,
mamangy an' i Filemona, izay malalanay sy mpiara-
miasa aminay, **2** ary mamangy an' i Apia anabavinay
sy Arkipo, miaramila namantsika, ary ny fiangonana ao
an-tranonao: **3** ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny
fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesosy
Kristy Tompo. **4** Misaotra an' Andriamanitro mandrakariva
aho, raha mahatsiaro anao amin' ny fivavahako, **5** satria
reko ny fitiavanao sy ny finoana izay anananao ho an'
i Jesosy Tompo sy ho an' ny olona masìna rehetra, **6**
mba hiasa mafy ho an' i Kristy ny fiombonana avy amin'
ny finoanao amin' ny fahalalana tsara ny zavatra rehetra
izay ao anatinareo. **7** Fa nanana fifaliana sy fiononana
amin' ny fitiavanao aho, satria efa novelombelominao ny
fon' ny olona masìna, ry rahalahy. **8** Koa na dia manana
fahasahiana be ao amin' i Kristy handidy anao amin' izay
mendrika aza aho, **9** nefa noho ny fitiavana, izaho Paoly,
izay efa anti-panahy sady mpifatotra an' i Kristy Jesosy
koa ankehitriny, dia miangavy aminao. **10** Eny, miangavy
aminao aho ny amin' ny zanako, izay naterako teto amin'
ny fifatorako, dia Onesimosy, **11** ilay tsy nahasoa anao
fahiny, nefa ankehitriny mahasoa antsika, dia ianao sy
izaho; **12** izay nampodiko indray, dia ilay sombin' ny aiko;
13 saiky nohazoniko tatỳ amiko izy hanompo ahy hisolo
anao eto amin' ny fifatorako noho ny filazantsara; **14** nefa
raha tsy nahalala izay hevitrao aho aloha, dia tsy ta-hanao
na inona na inona, mba tsy ho toy ny amin' ny fanerena ny
soa ataonao, fa amin' ny sitrapo. **15** Fa izany angaha no
nialany vetivety, dia ny mba hanananao azy mandrakizay,
(aiōnios g166) **16** tsy toy ny andevo intsony anefa, fa efa
mihoatra noho ny andevo, dia rahalahy malala, indrindra fa
ho ahy, mainka fa ho anao, na amin' ny nofo, na amin' ny
Tompo. **17** Koa raha ataonao ho namanao aho, dia raiso
toa ahy izy. **18** Nefa raha nanao izay tsy marina taminao
izy, na mitrosa, dia ataovy ho ahy izany; **19** izaho Paoly no
manoratra izany amin' ny tanako, izaho no handoa izany
— nefa tsy lazaiko aminao fa mitrosa ny tenanao amiko
aza ianao. **20** Eny, ry rahalahy, aoka hanana fifaliana avy
aminao ao amin' ny Tompo aho; velombelomy ny foko ao
amin' i Kristy. **21** Noho ny fahatokiako fa hanaiky ianao
no anoratako aminao, ka fantatro fa hanao mihoatra noho
izay lazaiko aza ianao. **22** Ary izao koa: Mba anamboary
trano hitoerako aho; fa manantena aho fa homena anareo
noho ny vavaka ataonareo. **23** Manao veloma anao Epafra,
mpifatotra namako ao amin' i Kristy Jesosy, **24** sy Marka sy
Aristarko sy Demasy ary Lioka, mpiara-miasa amiko. **25** Ho
amin' ny fanahinareo anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy
Tompontsika. Amena.

Hebreo

1 Rehefa nampitenenin' Andriamanitra tamin' ny razana
fahiny ny mpaminany tamin' ny andro samy hafa sy ny
fanao samy hafa; **2** dia amin' izao andro farany izao kosa
no nampitenenany tamintsika ny Zanany, Izay voatendriny
ho Mpandova ny zavatra rehetra; Izy no nahariany izao
tontolo izao, **(aiōn g165)** **3** Izy koa no famirapiratan' ny
voninahiny sy endriky ny tenany indrindra ary mihazona
ny zavatra rehetra amin' ny herin' ny teniny; ary rehefa
nanao fanadiovana hahafaka ny fahotana Izy, dia nipetraka
teo amin' ny tanana ankavanan' ny Lehibe any amin' ny
avo **4** ka natao tsara noho ny anjely, araka ny nandovany
anarana tsara noho ireny. **5** Fa anjely iza no mba nilazany
hoe: "Zanako Hianao, Izaho niteraka Anao androany"? Ary
koa: "Izaho ho Rainy, Ary Izy ho Zanako"? **6** Ary raha
mitondra ny Lahimatoa ho amin' izao fiainana izao indray,
dia hoy Izy: "Ary aoka ny anjelin' Andriamanitra rehetra
hiankohoka eo anoloany". **7** Ary ny anjely dia ilazany hoe:
"Izy manao ny anjeliny ho rivotra, Ary ny mpanompony
ho lelafo". **8** Fa ny Zanaka kosa dia nilazany hoe: "Ny
seza fiandriananao, Andriamanitra ô, dia mandrakizay
doria; Ary ny tehim-pahitsiana no tehim-panjakanao; **(aiōn
g165)** **9** Tianao ny fahamarinana, fa halanao ny heloka;
Koa Andriamanitra, dia Andriamanitrao, efa nanoso-diloilo
fifaliana Anao Mihoatra noho ny namanao". **10** Ary izao
koa: "Hianao, Jehovah ô, tany aloha no nanorenanao ny
tany, Ary asan' ny tananao ny lanitra; **11** Ireo dia ho levona,
fa Hianao no maharitra; Ary izy rehetra ho rovitra toy ny
fitafiana, **12** Ary toy ny lamba no hamalonanao azy, Dia
toy ny fitafiana, ka hovana izy; Fa Hianao no tsy miova,
Ary ny taonanao no tsy ho tapitra". **13** Fa anjely iza no
mba nilazany hoe: "Mipetraha eo an-tanako ankavanana,
Ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao"?
14 Tsy fanahy manompo va izy rehetra, nirahina hanao
fanompoana ho an' izay handova famonjena?

2 Ary amin' izany dia tokony hotandremantsika mafimafy
kokoa izay efa rentsika, fandrao hindaosina hiala aminy
isika. **2** Fa raha mafy ny teny izay nampilazaina ny
anjely, ka samy voavaly marina avokoa ny fahadisoana
rehetra mbamin' ny fahotana, **3** hataontsika ahoana no
fandositra, raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe
izao isika? dia ilay nampilazaina ny Tompo tamin' ny
voalohany, ary nohamafin' izay nandre tamintsika kosa,
4 sady Andriamanitra koa no niara-nanambara taminy
tamin' ny famantarana sy ny fahagagana ary tamin' ny asa
lehibe samy hafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masìna
nozarazarainy araka ny sitrapony. **5** Fa tsy anjely no
nampanekeny ny fiainana ho avy, izay lazainay. **6** Fa ny
anankiray nanambara eo amin' ny teny iray hoe: "Inona ny
olona, no ahatsiarovanao azy? Ary ny zanak' olombelona,
no amangianao azy? **7** Nataonao ambany kely noho ny
anjely izy; Efa nosatrohanao voninahitra sy fiandrianana
izy, Ary nampanjakainao amin' ny asan' ny tananao; **8** Ny
zavatra rehetra dia efa nanapanekenao ho eo ambanin'
ny tongony". Fa tamin' ny nampanekeny azy ny zavatra
rehetra, dia tsy nisy izay tsy nampanekeny azy. Nefa
ankehitriny tsy mbola hitantsika fa efa ampanekena azy
ny zavatra rehetra. **9** Fa Ilay natao ambany kely noho ny
anjely no hitantsika, dia Jesosy, ary noho ny fitondrany ny
fahafatesana dia voasatroka voninahitra aman-daza Izy,
mba hanandrana fahafatesana hamonjy ny olona rehetra
noho ny fahasoavan' Andriamanitra. **10** Fa miendrika Izay
anton' ny nanaovana ny zavatra rehetra sady nahariana
ny zavatra rehetra, raha mitondra zanaka maro ho any
amin' ny voninahitra, ny hahatanteraka ny Tompon' ny
famonjena ireo amin' ny fahoriana. **11** Fa iray no nihavian'
izy roroa, na Izay manamasìna, na izay hamasinina; koa
izany no tsy mahamenatra Azy hanao ireo hoe "rahalahy"
12 ka manao hoe: "Hitory ny anaranao amin' ny rahalahiko
Aho; Eo amin' ny fiangonana no hiderako Anao". **13** Ary
koa: "Izaho hatoky Azy". Ary indray koa: "Indreto Izaho
sy ireo zaza nomen' Andriamanitra Ahy". **14** Koa satria
manana nofo aman-drà ny zaza, dia mba nandray izany
koa Izy, mba handringanany amin' ny fahafatesana ilay
manana ny herin' ny fahafatesana, dia ny devoly, **15** ary
mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra
tamin' ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana.
16 Fa hita marina fa tsy anjely no vonjeny, fa ny taranak' i
Abrahama no vonjeny. **17** Koa amin' izany dia miendrika
mba hatao tahaka ny rahalahiny amin' ny zavatra rehetra
Izy, mba ho Mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny
amin' Andriamanitra, mba hanaovany fanavotana noho ny
heloky ny olona. **18** Fa satria nalaim-panahy ny tenany
tamin' ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-
panahy koa Izy.

3 Koa amin' izany, ry rahalahy masìna, mpiombona ny
fiantsoana avy any an-danitra, hevero ny Apostoly sy
Mpisoronabe Izay ekentsika, dia Jesosy, **2** Izay mahatoky
ny nanendry Ary, tahaka an' i Mosesy koa tao amin' ny
tranon' Andriamanitra rehetra. **3** Fa Izy dia natao miendrika
hanam-boninahitra noho Mosesy, araka ny ananan' ny
mpanao trano voninahitra bebe kokoa noho ny trano
nataony. **4** Fa ny trano rehetra dia samy nisy mpanao azy;
fa Izay nanao ny zavatra rehetra kosa dia Andriamanitra. **5**
Ary Mosesy dia mpanompo nahatoky tao amin' ny tranon'
Andriamanitra rehetra, ho fanambarana izay zavatra mbola
holazaina; **6** fa Kristy kosa dia Zanaka manapaka ny tranon'
Andriamanitra; ary isika no tranony, raha hazonintsika mafy
hatramin' ny farany ny fahasahiana sy ny firavoravoana
momba ny fanantenana. **7** Koa araka izay lazain' ny Fanahy
Masìna hoe: "Anio, raha hihaino ny feony ianareo, **8** Aza
manamafy ny fonareo tahaka ny tamin' ny fahasosorana,
tamin' ny andro fakam-panahy tany an-efitra, **9** Izay nakan'
ny razanareo fanahy Ahy tamin' ny nizahany toetra Ahy, Ary
nahita ny asako efa-polo taona izy. **10** Koa tezitra tamin'
izany taranaka izany Aho Ka nanao hoe: Ireo dia maniasia
amin' ny fony mandrakariva Ka tsy nahalala ny lalako; **11**
Ary araka izany no nianianako tamin' ny fahatezerako hoe:
Tsy hiditra amin' ny fitsaharako mihitsy izy". **12** Tandremo,
ry rahalahy, fandrao hisy aminareo hanana fo ratsy tsy mino
ka hiala amin' Andriamanitra velona; **13** fa mifananara isan'

andro, raha mbola atao hoe “Anio”; fandrao hisy aminareo ho tonga mafy fo noho ny famitahan’ ny ota. **14** Fa efa tonga mpiombona amin’ i Kristy isika, raha mihazona mafy ny fiandohan’ ny fahatokiantsika hatramin’ ny farany; **15** raha atao hoe: “Anio, raha hihaino ny feony ianareo, Aza manamafy ny fonareo tahaka ny tamin’ ny fahasosorana.”. **16** Fa iza moa no nahatezitra Azy, rehefa nandre? Tsy izay rehetra nentin’ i Mosesy niala tany Egypta va? **17** Ary iza no nahatezitra Azy efa-polo taona? Tsy izay nanota va, ka dia niampatrampatra tany an-efitra ny fatiny? **18** Ary iza no nianianany fa tsy hiditra any amin’ ny fitsaharany, afa-tsy izay tsy nanaiky? **19** Ka dia hitantsika fa tsy nahazo niditra izy ireo noho ny tsi-finoany.

4 Koa na dia mbola misy teny fikasana fa hiditra any amin’ ny fitsaharany aza isika, dia aoka isika hatahotra, fandrao mba misy eo aminareo toa tsy mahatratra izany. **2** Fa isika koa dia nitoriana filazantsara tahaka ireny ihany; kanefa ny teny izay efa reny dia tsy nahasoa azy, satria tsy niharo finoana tao amin’ izay nandre. **3** Fa isika izay nino no miditra amin’ izany fitsaharana izany, araka ny voalazany hoe: “Toy ny nianiako tamin’ ny fahatezerako hoe: Tsy hiditra amin’ ny fitsaharako mihitsy izy”, na dia vita hatramin’ ny nanorenana izao tontolo izao aza ny asa. **4** Fa nilaza ny andro fahafito Izy eo amin’ ny teny anankiray araka izao: “Ary Andriamanitra nitsahatra tamin’ ny asany rehetra tamin’ ny andro fahafito”. **5** Ary amin’ izao koa: “Tsy hiditra amin’ ny fitsaharako mihitsy izy”. **6** Koa satria mbola hiditra eo ihany ny sasany, ary izay nitoriana filazantsara tamin’ ny voalohany dia tsy niditra noho ny tsi-finoana, **7** dia mametra andro anankiray indray Izy, na dia efa ela toy izany aza, milaza ao amin’ i Davida hoe: “Anio”, araka ny voalaza teo hoe: “Anio, raha hihaino ny feony ianareo Aza manamafy ny fonareo” **8** Fa raha Josoa no nanome azy fitsaharana, dia tsy mba ho nilaza andro hafa Izy tao aorian’ izany. **9** Koa dia mbola misy sabata fitsaharana ho an’ ny olon’ Andriamanitra. **10** Fa izay niditra tao amin’ ny fitsaharany, dia Izy koa no nitsahatra tamin’ ny asany, tahaka an’ Andriamanitra tamin’ ny Azy. **11** Koa aoka isika hazoto hiditra amin’ izany fitsaharana izany, fandrao hisy olona latsaka amin’ ny tsi-finoana tahaka izany koa. **12** Fa velona sy mahery ny tenin’ Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin’ ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan’ ny fo. **13** Ary tsy misy zavatra ary na inona na inona izay tsy miseho eo anatrehany; fa ny zavatra rehetra dia mihanjahanja sy aharihary eo imason’ izay iafaran’ ny ataontsika. **14** Koa satria Isika manana Mpisoronabe lehibe, Izay lasa namaky ny lanitra, dia Jesosy, Zanak’ Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika. **15** Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika, fa Izay efa nalaim-panahy tamin’ ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota. **16** Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan’ ny fahasoavana amin’ ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin’ izay andro mahory.

5 Fa ny mpisoronabe rehetra dia alaina amin’ ny olona ka tendrena ho solon’ ny olona hanao ny raharahan’ Andriamanitra, hanatitra fanomezana sy fanatitra hanafaka ota, **2** dia olona izay mahay mitondra mora ny tsy mahalala sy ny mania, satria ny tenany koa dia mba hodidinin’ ny fahalemena ihany; **3** ary noho izany dia tsy maintsy hanao fanatitra hanafaka ota ho an’ ny tenany koa izy, toy ny ataony ho an’ ny olona ihany. **4** Ary tsy misy maka izany voninahitra izany ho an’ ny tenany afa-tsy izay antsoin’ Andriamanitra, tahaka an’ i Arona. **5** Dia toy izany koa Kristy: tsy Izy no nanandratra ny tenany ho Mpisoronabe, fa Ilay nanao taminy hoe: “Zanako Hianao, Izaho niteraka Anao androany”; **6** ary toy ny lazainy eo amin’ ny teny hafa koa hoe: “Hianao no Mpisorona mandrakizay Araka ny fanaon’ i Melkizedeka”. **(aiōn g165)** **7** Tamin’ ny andron’ ny nofony, raha nanao fivavahana sy fangatahana nomban’ ny fitarainana mafy sy ny ranomaso be tamin’ izay nahavonjy Azy tamin’ ny fahafatesana Izy, sady voahaino noho ny fahatahorany an’ Andriamanitra, **8** dia nianatra fanarahana tamin’ izay fahoriana nentiny Izy, na dia Zanaka aza; **9** ary rehefa natao tanteraka Izy, dia tonga loharanon’ ny famonjena mandrakizay ho an’ izay rehetra manaraka Azy, **(aiōnios g166)** **10** fa notononin’ Andriamanitra hoe Mpisoronabe “araka ny fanaon’ i Melkizedeka.” **11** Ny amin’ izany dia manana teny maro izahay sady sarotra ambara, satria lalodalovana ny sofinareo. **12** Fa na dia tokony ho efa mpampianatra aza ianareo noho ny fahelan’ ny andro, dia mbola mila izay hampianatra anareo ny abidim-pianaran’ ny tenin’ Andriamanitra indray; ary efa toy izay tokony homen-dronono ianareo, fa tsy ventin-kanina. **13** Fa izay rehetra mivelona amin’ ny ronono dia tsy zatra amin’ ny tenin’ ny fahamarinana, satria mbola zaza-bodo. **14** Fa ho an’ izay efa lehibe ny ventin-kanina, dia ho an’ izay manana ny saina efa zatra nampiasaina tsara ka mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy.

6 Koa aoka hilaozantsika ny abidim-pianarana ny amin’ i Kristy, fa aoka handroso ho amin’ ny tanteraka isika ka tsy hanao fanorenana indray, dia fibebahana hahafahana amin’ ny asa maty sy finoana an’ Andriamanitra, **2** ary fampianarana ny amin’ ny fisasana maro sy ny fametrahan-tanana, ary ny fitsanganan’ ny maty sy ny fitsarana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **3** Ary izany no hataontsika, raha avelan’ Andriamanitra. **4** Fa izay efa nohazavaina indray mandeha sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra sy efa nandray ny Fanahy Masìna **5** ary efa nanandrana ny teny tsaran’ Andriamanitra sy ny herin’ ny fiainana ho avy, **(aiōn g165)** **6** nefa nihemotra, dia tsy azo havaozina indray ho amin’ ny fibebahana, satria manombo ny Zanak’ Andriamanitra indray amin’ ny hazo fijaliana ka manao Azy ho fahamenarana. **7** Fa izay tany mifoka ny ranonorana milatsaka aminy matetika ka maniry anana tsara ho an’ ny olona iasana azy dia mahazo fitahiana avy amin’ Andriamanitra; **8** fa izay maniry tsilo sy songosongo kosa

dia lavina sady akaikin' ny ozona, ary ny hiafarany dia ny hodorana. **9** Nefa, ry malala, na dia miteny izany aza izahay, dia manantena zavatra tsara ny aminareo, dia izay momba ny famonjena. **10** Fa Andriamanitra tsy mba tsy marina hanadino ny asanareo sy ny fitiavana izay nasehonareo ho voninahitry ny anarany, raha nanompo ny olona masìna ianareo sady mbola manompo ihany. **11** Ary mbola irinay ianareo rehetra samy haneho izany fahazotoana izany mba hahazo ny fahatokiana be ny amin' ny fanantenana hatramin' ny farany; **12** mba tsy hiketraka ianareo, fa hanahaka ireo mandova araka ny teny fikasana amin' ny finoana sy ny faharetana. **13** Fa Andriamanitra nanao teny fikasana tamin' i Abrahama ary satria tsy nisy lehibe noho ny tenany izay azony nianianana, dia nianiana tamin' ny tenany Izy **14** ka nanao hoe: "Hitahy anao tokoa Aho ary hahamaro dia hahamaro anao". **15** Ary araka izany, rehefa naharitra tsara Abrahama, dia nahazo ny teny fikasana. **16** Fa ny olona dia mianiana amin' izay lehibe noho ny tenany; ary ny fianianana dia ataony mba hahamafy ny teny hampitsahatra ny fifandirana rehetra. **17** Ary amin' izany, raha Andriamanitra ta-haneho kokoa amin' ny mpandova araka ny teny fikasana ny tsi-fiovan' ny sitrapony, dia nataony mafy tamin' ny fianianana izany, **18** mba ho zavatra roa loha tsy mety miova, izay tsy hain' Andriamanitra andaingana, no hahazoantsika famporisihana mafy, dia isika izay nandositra hihazona ny fanantenana napetraka eo anoloantsika, **19** izay ananantsika ho vatofantsiky ny aina sady mafy no tsy mihetsika ary miditra any anatin' ny efitra lamba; **20** tany no nidiran' i Jesosy ho Mpialoha antsika, rehefa tonga Mpisoronabe "mandrakizay araka ny fanaon' i Melkizedeka" Izy. **(aiōn g165)**

7 Fa io Melkizedeka io, izay mpanjakan' i Salema sy mpisoron' Andriamanitra Avo Indrindra, ilay nitsena an' i Abrahama, rehefa niverina avy nandresy ny mpanjaka maro izy ka nitso-drano azy, **2** sady nomen' i Abrahama ny ampahafolon' ny zavatra rehetra aza (voalohany, raha adika ny anarany, dia Mpanjakan' ny fahamarinana, dia vao Mpanjakan' i Salema koa, izany hoe: Mpanjakan' ny fiadanana; **3** tsy manan-dray, tsy manan-dreny, tsy manana tantaram-pirazanana, tsy manana voalohan' andro na faran' ny fiainana, fa natao tahaka ny Zanak' Andriamanitra), — izy dia mitoetra ho mpisorona mandrakariva. **4** Ary hevero ny halehiben' io lehilahy io —, izay nomen' i Abrahama patriarka ny ampahafolon' izay tsara tamin' ny zavatra nobaboina. **5** Ary izay avy tamin' ny taranak' i Levy ka mandray ny fisoronana no mahazo teny haka ny fahafolon-karena amin' ny olona araka ny lalàna, dia amin' ny rahalahiny izany, na dia teraky ny kibon' i Abrahama aza ireny; **6** nefa izay tsy isan' ny firazanan' ireo akory no nandray ny fahafolon-karena tamin' i Abrahama sy nitso-drano ilay nanana ny teny fikasana. **7** Ary tsy azo lavina akory anefa fa ny kely no mahazo tso-drano amin' ny lehibe noho ny tenany. **8** Ary etỳ dia izay olona mety maty no mandray ny fahafolon-karena, fa any kosa dia izay nambara fa velona. **9** Ary toa azo lazaina fa Levy aza, izay mandray ny fahafolon-karena, dia mba nandoa ny fahafolon-karena koa tao anatin' i Abrahama, **10** satria mbola tao an-kibon-drainy ihany izy tamin' ny nitsenan' i Melkizedeka an' i Abrahama. **11** Koa raha nisy fanatanterahana tamin' ny fisoronan' i Levy (fa tamin' izany no nahazoan' ny olona ny lalàna), ahoana no mbola ilana mpisorona hafa hiseho araka ny fanaon' i Melkizedeka ihany, izay tsy hotononina ho araka ny fanaon' i Arona? **12** Fa raha ovana ny fisoronana, dia tsy maintsy ovana koa ny lalàna. **13** Fa Izay nolazaina amin' izany teny izany dia avy tamin' ny firenena hafa, izay tsy nisy olona manompo eo amin' ny alitara. **14** Fa hita marimarina fa avy tamin' ny Joda no nisehoan' ny Tompontsika, ary izany firenena izany dia tsy nisy nolazain' i Mosesy akory ny amin' izay ho mpisorona. **15** Ary hita marimarina kokoa indray izany, raha misy Mpisorona hafa miseho ka tahaka an' i Melkizedeka, **16** izay natao tsy araka ny lalàn' izay didy momba ny nofo, fa araka ny herin' ny fiainana tsy manam-pahataperana. **17** Fa Izy dia nambara hoe: "Hianao no Mpisorona mandrakizay Araka ny fanaon' i Melkizedeka". **(aiōn g165)** **18** Fa misy fahafoanana ny didy nialoha noho ny halemeny sy ny tsi-fanasoavany **19** (fa ny lalàna dia tsy nahatanteraka na inona na inona), ary misy kosa fampidirana ny fanantenana tsaratsara kokoa, izay anatonantsika an' Andriamanitra. **20** Ary tahaka an' i Melkizedeka tsy natao mpisorona raha tsy tamin' ny fianianana **21** — fa ireny kosa dia natao mpisorona tsy tamin' ny fianianana, fa Ity tamin' ny fianianana nataon' ilay nilaza taminy hoe: "Efa nianiana Jehovah ka tsy hanenina: Hianao no Mpisorona mandrakizay" **(aiōn g165)** **22** — dia tahaka izany koa no nanaovana an' i Jesosy ho Mpiantoka ny fanekena tsara lavitra. **23** Fa natao maro ireny mpisorona ireny, satria tsy navelan' ny fahafatesana haharitra izy; **24** fa Izy kosa dia manana fisoronana tsy dimbiasana, satria maharitra mandrakizay Izy; **(aiōn g165)** **25** koa amin' izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy. **26** Fa Mpisoronabe tahaka izao no miendrika ho antsika: dia Izay masìna, tsy misy tsiny, tsy misy loto, voasaraka amin' ny mpanota ka natao avo noho ny lanitra, **27** Izay tsy mila hanatitra fanatitra isan' andro tahaka ny ataon' ireny mpisoronabe ireny, voalohany noho ny otan' ny tenany, dia vao noho ny an' ny olona kosa; fa izany dia nataony indray mandeha ihany, raha nanatitra ny tenany Izy. **28** Fa ny lalàna dia manendry olona izay manana fahalemena ho mpisoronabe; fa ny tenin' ny fianianana kosa, izay tato aorian' ny lalàna, dia manendry ny Zanaka, Izay notanterahina ho mandrakizay. **(aiōn g165)**

8 Ary amin' izany zavatra lazainay izany dia izao no fotony: Manana Mpisoronabe toy izany isika, dia Ilay efa mipetraka eo amin' ny ankavanan' ny seza fiandrianan' ny Avo Indrindra any an-danitra, **2** Mpanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masìna sy ny tena tabernakely, izay naorin' ny Tompo, fa tsy olona. **3** Fa ny mpisoronabe rehetra dia tendrena hanatitra fanomezana sy fanatitra; ary amin' izany dia tsy maintsy mba manan-katerina koa Izy. **4** Koa raha etỳ ambonin' ny tany dia tsy mba ho mpisorona akory Izy, satria misy rahateo ireo

manatitra ny fanomezana araka ny lalàna, **5** dia ireo manao fanompoam-pivavahana amin' izay endrika sy aloky ny zavatra any an-danitra, tahaka ny natoron' Andriamanitra an' i Mosesy, rehefa hanao ny tabernakely izy; fa hoy Izy: "Tandremo mba hataonao araka ny endrika izay naseho taminao tao an-tendrombohitra ny zavatra rehetra". **6** Fa ankehitriny efa mahazo fanompoam-pivavahana tsara noho ny an' ireny Izy, dia araka ny nanaovana Azy ho Mpanalalana amin' ny fanekena tsara lavitra, izay natao tamin' ny teny fikasana tsara lavitra. **7** Fa raha tsy nanan-tsiny izany fanekena voalohany izany, dia tsy mba nisy fitoerana hotadiavina ho an' ny faharoa. **8** Fa manome tsiny ny olona Izy manao hoe: "Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay hanaovako fanekena vaovao amin' ny taranak' isiraely sy ny taranak' i Joda, **9** Nefa tsy araka ny fanekena nataoko tamin' ny razany Tamin' ny andro nitantanako azy nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta; Fa izy ireny tsy nitoetra tamin' ny fanekeko, Ary Izaho kosa dia tsy nitandrina azy, hoy Jehovah. **10** Fa izao no fanekena hataoko amin' ny taranak' isiraely, Rehefa afaka izany andro izany, hoy Jehovah: Dia hataoko ao an-tsainy ny lalàko, Sady hosoratako ao am-pony, Ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko; **11** Ary samy tsy hampianatra ny namany sy ny rahalahiny avy izy, Na hanao hoe: Mahalalà an' i Jehovah; Fa samy hahalala Ahy avokoa izy rehetra Hatramin' ny kely indrindra ka hatramin' ny lehibe indrindra; **12** Fa hamindra fo amin' ny tsi-fahamarinany Aho, Ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany". **13** Amin' ny anaovany hoe "vaovao" dia nataony fa efa ela ny voalohany. Fa izay tratra ela sy mihantitra dia efa madiva ho levona.

9 Koa na dia ny fanekena voalohany aza dia nisy fitsipika ny amin' ny fanompoam-pivavahana, ary nisy ny fitoerany masìna momba ny etỳ an-tany. **2** Fa nisy tabernakely voavoatra: ny efitra voalohany, ilay atao hoe "ny fitoerana masìna", izay nisy ny fanaovan-jiro sy ny latabatra ary ny mofo aseho. **3** Ary ao anatin' ny efitra lamba faharoa no nisy ny tabernakely izay atao hoe "ny fitoerana masìna indrindra," **4** izay nisy lovia volamena fandoroana ditin-kazo manitra sy ny fiaran' ny fanekena, izay voapetaka takela-bolamena avokoa; ary tao anatin' io nisy ny vilany volamena, izay nitoeran' ny mana, sy ny tehin' i Arona izay nitsimoka, ary ny vato fisaky ny fanekena; **5** ary teo ambonin' io koa ny kerobima nisy ny voninahitra, izay nanaloka ny rakotra fanaovam-panavotana, — tsy azonay lazaina tsirairay ireo ankehitriny. **6** Ary rehefa voavoatra toy izany ireo zavatra ireo, dia miditra mandrakariva eo amin' ny tabernakely voalohany ny mpisorona hanefa ny fanompoam-pivavahana. **7** Fa ny faharoa kosa no idiran' ny mpisoronabe irery ihany indray mandeha isan-taona; ary izy aza dia tsy miditra, raha tsy mitondra rà, izay ateriny noho ny amin' ny tenany sy ny fahadisoana nataon' ny olona amin' ny tsi-fahalalana; **8** koa izany no anambaran' ny Fanahy Masìna fa tsy mbola voaseho ny lalana mankany amin' ny fitoerana masìna indrindra, raha mbola ao ihany ny tabernakely voalohany; **9** fanoharana izany amin' izao andro ankehitriny izao, ary araka izany no anaterana fanomezana sy fanatitra, izay tsy mahatanteraka ny mpivavaka ny amin' ny fieritreretana **10** (fa naman' ny zavatra hohanina sy ny zavatra hosotroina sy ny fanasana samy hafa), dia fitsipika araka ny nofo, voatendrv hatao mandra-pihavin' ny andro fanovana. **11** Fa Kristy kosa, rehefa tonga ho Mpisoronabe ny amin' ny zavatra tsara ho avy, dia namaky teo amin' ny tabernakely lehibe lavitra sady tsara lavitra, izay tsy nataon-tanana, izany hoe, tsy isan' izao zavatra ary izao, **12** ary tsy mba nitondra ran' osilahy sy ran-janak' omby Izy, fa ny ran' ny tenany, dia niditra indray mandeha ho any amin' ny fitoerana masìna ka nahazo fanavotana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **13** Fa raha ny ran' osilahy sy ny ran' ombilahy ary ny lavenom-bantotr' ombivavy afafy amin' izay voaloto no manamasìna hatramin' ny fanadiovana ny nofo, **14** mainka fa ny ran i Kristy, Izay nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny ho an' Andriamanitra, tamin' ny alalan' ny Fanahy mandrakizay, no hahadio ny fieritreretanareo ho afaka amin' ny asa maty mba hanompoanareo an' Andriamanitra velona. **(aiōnios g166)** **15** Ary noho izany dia Mpanalalana amin' izay fanekena vaovao Izy, rehefa niaritra fahafatesana ho fanavotana amin' ny fahotana natao tamin' ny fanekena voalohany, mba hahazoan' izay voantso ny teny fikasana, dia ny lova mandrakizay. **(aiōnios g166)** **16** Fa raha misy didim-pananana, dia teny foana izany, raha tsy efa maty izay nanao azy. **17** Fa mafy ny didim-pananana, rehefa tonga ny fahafatesana; fa tsy mafy akory izany, raha mbola velona ilay nanao azy. **18** Koa na dia ny fanekena voalohany aza dia tsy nohamasinina raha tsy nisy rà. **19** Fa rehefa voalazan' i Mosesy tamin' ny vahoaka rehetra ny didy rehetra araka ny lalàna, dia nalainy ny ran-janak' omby sy ny ran' osilahy mbamin' ny rano sy ny volon' ondry jaky sy ny hysopa ka nafafiny tamin' ny boky sy ny vahoaka rehetra; **20** dia hoy izy; Ity no ran' ny fanekena izay nandidian' Andriamanitra anareo. **21** Ary ny tabernakely sy ny fanaka rehetra enti-manao fanompoam-pivavahana dia nofafazany rà toy izany koa. **22** Ary saiky diovina amin' ny rà avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalàna; fa raha tsy misy rà alatsaka, dia tsy misy famelan-keloka. **23** Koa dia tsy maintsy nodiovina tamin' ireny ny tandindon' ny zavatra any an-danitra, fa ny tenan' ny zavatra any an-danitra kosa dia tamin' izay fanatitra tsara noho ireny. **24** Fa Kristy tsy mba niditra tao amin' izay fitoerana masìna nataon-tanana, izay tandindon' ny tena fitoerana masìna, fa ho any an-danitra tokoa, mba hiseho eo anatrehan' Andriamanitra ankehitriny ho antsika; **25** ary tsy niditra Izy mba hanatitra ny tenany matetika, tahaka ny mpisoronabe miditra ao amin' ny fitoerana masìna isan-taona mitondra ny ran' ny zavatra hafa; **26** fa raha izany, dia tsy maintsy ho nijaly matetika Izy hatrizay nanaovana izao tontolo izao; fa ankehitriny dia efa naseho indray mandeha tamin' izao andro farany izao Izy raha hanafaka ny ota tamin' ny nanaterany ny tenany. **(aiōn g165)** **27** Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana, **28** dia tahaka izany koa Kristy, rehefa natolotra indray mandeha hitondra ny

otan' ny maro, dia hiseho fanindroany, tsy amin' ota, amin' izay miandry Azy, ho famonjena.

10 Fa ny lalàna, izay misy aloky ny zava-tsoa ho avy, fa tsy ny tena endrik' izany zavatra izany, dia tsy mba mahatanteraka ny olona manatona amin' izay fanatitra ateriny mandrakariva isan-taona. **2** Raha izany, dia tsy ho nitsahatra va ny nanaterany ireo, satria rehefa nodiovina indray mandeha ny mpivavaka, dia tsy ho nasian' ny fieritreretany ny ota intsony izy? **3** Fa amin' ireo dia misy fahatsiarovana ny ota isan-taona. **4** Fa tsy mahaisotra ny ota ny ran' ombilahy sy ny ran' osilahy. **5** Koa nony niditra tamin' izao fiainana izao Izy, dia nanao hoe: "Ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hohanina tsy mba nilainao, Fa tena no namboarinao ho Ahy; **6** Ny fanatitra odorana sy ny fanatitra noho ny ota tsy sitrakao; **7** Dia hoy Izaho: Inty Aho tonga — Ao amin' ny horonam-boky no nanoratana Ahy — Hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô". **8** Rehefa nolazainy teo hoe: "Ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra odorana ary ny fanatitra noho ny ota" (dia ireny aterina araka ny lalàna) "no tsy ilainao ary tsy sitrakao", **9** dia hoy indray Izy: "Inty Aho tonga hanao ny sitraponao." Manaisotra ny voalohany Izy mba hampitoerany ny faharoa. **10** Amin' izany sitrapo izany no nanamasinana antsika tamin' ny nanaterana ny tenan' i Jesosy Kristy indray mandeha. **11** Ary ny mpisorona rehetra dia mitsangana isan' andro manao fanompoam-pivavahana sy manatitra ireny fanatitra ireny ihany matetika izay tsy mahaisotra ny ota; **12** fa Izy kosa, rehefa nanao fanatitra iray monja ho mandrakizay noho ny ota, dia efa mipetraka eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra, **13** ka hatramin' izao dia miandry Izy mandra-panaony ny fahavalony ho fitoeran-tongony. **14** Fa ny fanatitra iray ihany no efa nahatanterahany ho mandrakizay izay olona hamasinina. **15** Ary ny Fanahy Masìna koa manambara izany amintsika; fa rehefa voalazany hoe: **16** "Izao no fanekena hataoko aminy, Rehefa afaka izany andro izany, hoy Jehovah: Hataoko ao am-pony ny lalàko, Sady hosoratako ao an-tsainy," **17** dia hoy koa Izy: "Ny fahotany sy ny helony tsy hotsarovako intsony". **18** Ary rehefa misy famelana ireo, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony. **19** Koa amin' izany, ry rahalahy, satria manana fahatokiana hiditra ao amin' ny fitoerana masìna isika noho ny ran' i Jesosy, **20** amin' izay lalana natokany ho antsika, dia lalana vaovao sady velona, namaky teo amin' ny efitra lamba, dia ny nofony, **21** sady manana Mpisorona lehibe mitandrina ny tranon' Andriamanitra, **22** dia aoka isika hanatona amin' ny fo marina sy amin' ny fahatokiana be avy amin' ny finoana, manana fo voadio ho afaka amin' ny fieritreretana ratsy sy tena voasasa tamin' ny rano madio; **23** aoka hohazonintsika mafy ny fanekena ny fanantenana mba tsy hihozongozonany (fa mahatoky Ilay efa nanao ny teny fikasana); **24** ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; **25** aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon' ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro. **26** Fa raha minia manota isika rehefa nahazo ny fahalalana tsara ny marina, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony, **27** fa fiandrasana mahatahotra amin' ny fitsarana ary fahatezerana mirehitra izay handany ny fahavalo rehetra kosa. **28** Izay manohitra ny lalàn' i Mosesy dia maty amin' ny tenin' ny vavolombelona roa na telo ka tsy asiana famindram-po; **29** manao ahoana kosa ary no hamafin' ny fampijaliana ataonareo tokony hihatra amin' izay nanitsaka ny Zanak' Andriamanitra ka nanao ny ran' ny fanekena izay nanamasinana azy ho zavatra tsy masìna sady naniratsira ny Fanahin' ny fahasoavana? **30** Fa fantatsika Izay nanao hoe: "Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly;" ary koa: "Jehovah hitsara ny olony". **31** Zavatra mahatahotra ny ho azon' ny tànan' Andriamanitra velona. **32** Fa tsarovy ny andro fahiny izay naharetanareo ny ady mafy tamin' ny fahoriana, rehefa nohazavaina ianareo; **33** indraindray raha natao ho fizaha noho ny fanaratsiana sy ny fampahoriana ianareo, ary indraindray koa raha tonga naman' izay azon' izany. **34** Fa sady niara-niaritra tamin' izay nifatotra ianareo no nifaly raha norobaina ny fanananareo, satria fantatrareo fa ianareo dia manana fananana tsara lavitra sady maharitra. **35** Koa aza manary ny fahasahianareo izay misy valiny lehibe. **36** Fa tokony hanana faharetana ianareo raha hahazoanareo izay lazain' ny teny fikasana, rehefa vitanareo ny sitrapon' Andriamanitra. **37** Fa "rehefa afaka kelikely, Dia ho tonga Ilay ho avy, fa tsy hitaredretra" **38** Ary "ny oloko marina dia ho velon' ny finoana;" Fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko. **39** Fa isika tsy mba naman' izay mihemotra ho amin' ny fahaverezana, fa naman' izay mino ho amin' ny famonjena ny fanahy.

11 Ary ny finoana no fahatokiana ny amin' ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita. **2** Fa izany no nahatsara laza ny ntaolo. **3** Finoana no ahafantarantsika fa ny tenin' Andriamanitra no nanaovana izao tontolo izao, ka dia tsy izay zavatra miseho no nanaovana izao zavatra hita izao. **(aiōn g165)** **4** Finoana no nanateran' i Abela ho an' Andriamanitra fanatitra tsara noho ny an' i Kaina, ka izany no nanambarana azy fa marina, satria Andriamanitra no nanambara ny amin' ny fanatitra nataony: ary amin' izany, na dia maty aza izy, dia mbola miteny ihany. **5** Finoana no namindrana an' i Enoka tsy hiharan' ny fahafatesana; ka dia tsy hita izy, satria nafindran' Andriamanitra; fa talohan' ny namindrana azy dia nambara fa nankasitrahan' Andriamanitra izy. **6** Fa raha tsy amin' ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an' Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy. **7** Finoana no nanamboaran' i Noa sambo fiara hamonjena ny ankohonany, fa natahotra izy, rehefa notoroan' Andriamanitra hevitra ny amin' ny zavatra tsy mbola hita; koa izany no nanamelohany izao tontolo izao sy nahatongavany ho mpandova ny fahamarinana araka ny finoana. **8** Finoana no naneken' i Abrahama, rehefa nantsoina, hiainga hankany amin' izay tany ho azony ho lova; ka dia niainga izy, nefa tsy fantany izay halehany. **9** Finoana no nivahiniany tany amin' ny tany nolazain' ny teny fikasana, toy ny any an-tanin' olona, mitoetra an-day,

mbamin' isaka sy Jakoba, mpiara-mandova izany teny fikasana izany aminy; **10** fa nanantena hahazo ny tanàna misy fanorenana izy, Andriamanitra no Tompo-marika sy Mpanao izany. **11** Ary na Saraha aza, dia finoana koa no nandraisany hery hanan' anaka, rehefa nitsaha-jaza izy, satria nataony fa mahatoky Ilay efa nanome ny teny fikasana. **12** Koa dia avy tamin' ny anankiray, izay efa toy ny maty, no nihavian' ny maro toy ny kintana eny amin' ny lanitra sy toy ny fasika eny amoron-dranomasina, izay tsy hita isa. **13** Ireo rehetra ireo dia maty tamin' ny finoana, kanefa tsy mbola nahazo ny teny fikasana; fa nahatazana azy eny lavitra eny izy ka ravoravo niarahaba azy, dia nanaiky fa vahiny sy mpivahiny tetỳ ambonin' ny tany izy. **14** Fa izay milaza izany zavatra izany dia maneho marimarina fa mitady izay ho taniny izy. **15** Ary raha tàhiny nahatsiaro ny tany nialany izy, dia ho nahita andro hiverenany. **16** Fa amin' izany ny tsara lavitra no iriny, dia ny any andanitra; ary noho izany Andriamanitra dia tsy menatra hatao hoe Andriamaniny, satria efa nanamboatra tanàna ho an' ireo Izy. **17** Finoana no nanateran i Abrahama an' isaka, raha nizahan-toetra izy; eny, ny zananilahy tokana no naterin' ilay efa nandray tsara ny teny fikasana, **18** dia ilay nilazana hoe: "Avy amin' Isaka no hantsoina izay taranaka ho anao". **19** Fa nihevitra izy fa Andriamanitra dia mahay manangana ny maty aza; ary hoatra ny avy tamin' izany no nandraisany azy. **20** Finoana no nitsofan' isaka rano an' i Jakoba sy Esao ny amin' ny zavatra ho avy. **21** Finoana no nitsofan' i Jakoba rano ny zanak' i Josefa roa lahy, rehefa ho faty izy, ka nivavaka izy, niankina tamin' ny lohan' ny tehiny. **22** Finoana no nilazan' i Josefa ny fialan' ny Zanak' isiraely, rehefa ho faty izy, sy nanafarany ny amin' ny taolany. **23** Finoana no nanafenan' ny ray amandrenin' i Mosesy azy telo volana, raha vao teraka izy, satria hitany fa zaza tsara izy, ary tsy natahorany ny didin' ny mpanjaka. **24** Finoana no nandavan' i Mosesy tsy hatao hoe zanaky ny zanakavavin' i Farao, rehefa lehibe izy, — **25** nifidy mantsy hiara-mitondra fahoriana amin' ny olon' Andriamanitra toy izay hanana fifaliana vetivety amin' ny fahotana, **26** nanao ny fanaratsiana an' i Kristy ho harena be lavitra noho ny zava-tsoan' i Egypta, satria nijery ny famalian-tsoa izy. **27** Finoana no nandaovany an' i Egypta, ka tsy natahorany ny fahatezeran' ny mpanjaka; fa naharitra toy ny mahita Izay tsy hita izy. **28** Finoana no nitandremany ny Paska sy ny famafazana ny rà, fandrao hahatratra ny azy ilay nandringana ny lahimatoa. **29** Finoana no nitana ny Ranomasina Mena toy ny mandia tany maina, izay mba nandraman' ny Egyptiana, ka dia voatelina izy. **30** Finoana no nampirodana ny màndan' i Jeriko, rehefa nohodidinina hafitoana. **31** Finoana no tsy nahafaty andRahaba janga niaraka tamin' ny tsy nino, satria nandray ny mpisafo-tany tamin' ny fihavanana izy. **32** Ary inona koa no holazaiko? Fa ho lany ny andro, raha milaza an' i Gideona sy Baraka sy Samsona ary Jefta aho, Davida koa sy Samoela ary ny mpaminany, **33** izay nandresy fanjakana tamin' ny finoana, niasa fahamarinana; nahazo teny fikasana, nanakombona ny vavan' ny liona, **34** namono ny fidedadedan' afo, afaka tamin' ny lelan-tsabatra, raha nalemy dia nampahatanjahina, tonga nahery tamin' ny ady, dia nampandositra ny miaramilan' ny firenena hafa. **35** Ny vehivavy nandray ny azy efa maty, fa natsangana ho velona indray; ary ny sasany nampijalijalina ho faty, nefa tsy mety nanao izay hahafahany, mba hahazoany fitsanganana tsara lavitra; **36** ary ny sasany niaritra fanesoana sy kapoka mafy ary fatorana sy tranomaizina koa; **37** notoraham-bato izy, notsofana, nalaim-panahy, novonoina tamin' ny sabatra, dia nirenireny nitafy hoditr' ondry sy hoditr' osy; efa lao, ory, fadiranovana **38** (nefa izao tontolo izao tsy miendrika ho nitoerany akory) dia nirenireny tany an-efitra sy tany an' tendrombohitra sy tany an-johy ary tao an-dava-tany izy. **39** Ary ireo rehetra ireo, na dia efa nahazo laza tsara noho ny finoana aza, dia tsy mba nandray ny teny fikasana, **40** fa Andriamanitra efa namboatra izay tsara lavitra ho antsika, mba tsy hatao tanteraka ireo raha tsy efa mby eo koa isika.

12 Koa amin' izany, satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika toy ny rahona, dia aoka isika koa hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin' ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin' ny faharetana amin' izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao, **2** mijery an' i Jesosy, Tompon' ny finoantsika sy Mpanefa azy, Izay naharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra, mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany, ka dia efa mipetraka eo amin' ny ankavanan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra Izy. **3** Fa hevero tsara Ilay naharitra ny fanoherana nataon' ny mpanota taminy, fandrao ho ketraka ianareo, ka ho reraka ny fanahinareo. **4** Hianareo tsy mbola nanohitra niady tamin' ny ota hatramin' ny fahalatsahan-drà. **5** Ary hadinonareo ny fananarana izay milaza aminareo toy ny amin' ny zanaka hoe: "Anaka, aza atao ho zavatra kely ny famaizana ataon' i Jehovah, Ary aza reraka, raha resi-lahatry ny anatra ataony ianao; **6** Fa izay tian' i Jehovah no faizany, Ary izay zanaka rehetra raisiny no kapohiny". **7** Famaizana no anton' ny iaretanareo; Andriamanitra mitondra anareo tahaka ny zanaka; fa aiza moa izay zanaka tsy faizan-drainy? **8** Fa raha tsy faizana tahaka ny itondrana azy rehetra ianareo, dia zazasary, fa tsy zanaka. **9** Ary koa, isika dia nanana ny rain' ny nofontsika ho mpanafay antsika ka efa nanaja azy; tsy mainka va ny hanekentsika ny Rain' ny fanahy, ka ho velona isika? **10** Fa ireny dia nanao izay hahafay antsika tamin' ny andro vitsy araka izay sitrapony, fa Izy kosa dia ny hahasoa, mba handraisantsika ny fahamasinany. **11** Fa ny famaizana rehetra dia tsy mba atao ho mahafaly andro anaovana, fa mampahory; fa rehefa afaka izany, dia vao mitondra ny vokatry ny fahamarinana hiadanana ho an' izay nanaovana azy izy. **12** Koa hatanjaho ny tanana miraviravy sy ny lohalika malemy; **13** ary manaova lalamahitsy halehan' ny tongotrareo, mba tsy hampipitsoka ny tongotry ny mandringa, fa ny mba hahasitrana azy kosa. **14** Miezaha mitady fihavanana amin' ny olona rehetra ary fahamasinana; fa izay tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo. **15** Ary mitandrema tsara, fandrao hisy hiala amin' ny fahasoavan' Andriamanitra; fandrao hisy

faka mangidy mitsimoka hampikorontana, ka ho voaloto ny maro; **16** fandrao hisy mpijangajanga na olona tsy manaja ny masìna, dia tahaka an' i Esao, izay nivarotra ny fizokiany hahazoany hanina indraim-bava. **17** Fa fantatrareo fa rehefa afaka izany, raha ta-handova ny fitahiana izy, dia nolavina; fa tsy nahita izay hibebahana izy; na dia nitady fatratra tamin' ny ranomaso aza. **18** Fa ianareo tsy mby eo amin' izay tendrombohitra azo tsapaina sady mirehitra afo, dia eo amin' ny fahamaintisana sy ny aizina na sy ny tafiodrivotra **19** sy ny fanenon' ny trompetra ary ny feon' ny teny, ka izay nandre izany dia nangataka mba tsy hasian-teny intsony izy; **20** fa tsy tohany ilay nandidiana hoe: "Ary raha misy biby aza mikasika ny tendrombohitra, dia hotorahambato izany", **21** ary satria loza indrindra ny fahitana, dia hoy Mosesy: "Matahotra loatra sy mangovitra indrindra aho". **22** Fa ianareo kosa efa mby eo an-tendrombohitra Ziona, tanànan' Andriamanitra velona, dia Jerosalema any andanitra, ary ho ao amin' ny anjely tsy omby alinalina, **23** amin' ny fihaonana fifaliana' sy ny fiangonan ny lahimatoa voasoratra any an-danitra, sy amin' Andriamanitra, Mpitsara ny olona rehetra, ary amin' ny fanahin' ny olona marina izay efa natao tanteraka, **24** sy amin' i Jesosy, Mpanalalana amin' ny fanekena vaovao, ary amin' ny rà famafazana, izay tsara lavitra noho ny an' i Abela. **25** Tandremo mba tsy holavinareo Izay miteny. Fa raha izy ireo tsy afa-nandositra tamin' ny nandavany ilay nilaza ny tenin' Andriamanitra taminy tetỳ ambonin' ny tany, mainka fa isika, raha mihodìna miala amin' ilay avy any an-danitra, **26** Izay nampihorohoro ny tany fahiny tamin' ny feony; fa ankehitriny Izy efa nanao teny fikasana hoe: "Indray maka koa tsy ny tany ihany no hampihorohoroiko, fa ny lanitra koa". **27** Ary ny hoe "indray maka koa" dia manambara ny hanovana izay zavatra ampihorohoroina, toy ny zavatra natao, mba haharetan' izay zavatra tsy ampihorohoroina. **28** Koa satria mandray fanjakana tsy azo ampihorohoroina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana ho entintsika manao izay fanompoana sitrak' Andriamanitra amin' ny fanajana sy ny fahatahorana; **29** fa Andriamanitsika dia afo mandevona.

13 Aoka haharitra ny fitiavana ny rahalahy. **2** Aza manadino ny fampiantranoam-bahiny; fa tamin' izany dia nampiantrano anjely ny sasany, nefa tsy fantany. **3** Tsarovy izay mifatotra, ho toy ny miara-mifatotra aminy ianareo, ary izay ampahorina, satria mbola eo amin' ny tena koa ianareo. **4** Aoka hanan-kaja amin' ny olona rehetra ny fanambadiana, ary aoka tsy ho voaloto ny fandriana; fa ny mpijangajanga sy ny mpaka vadin' olona dia hohelohin' Andriamanitra. **5** Aoka tsy ho amin' ny fitiavam-bola ny toetsainareo, fa mianina amin' izay anananareo; fa hoy Izy: "Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory". **6** Ka dia sahy manao hoe isika: "Jehovah no Mpamonjy ahy, ka tsy hatahotra aho; Inona no azon' ny olona atao amiko?". **7** Tsarovy ny mpitondra anareo, izay efa nitory ny tenin' Andriamanitra taminareo; hevero ny niafaran' ny fiainany, ka araho ny finoany. **8** Jesosy Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. **(aiōn g165)** **9** Aza mety havilin' izay fampianarana maro hafahafa ianareo. Fa tsara raha ampiorenina amin' ny fahasoavana ny fo, fa tsy amin' ny hanina, izay tsy mahasoa ny mahavatra azy. **10** Isika manana alitara, izay tsy ananan' ny mpanompo ny tabernakely fahefana hihinanana. **11** Fa rehefa nentin' ny mpisoronabe niditra ho ao amin' ny fitoerana masìna ho fanatitra noho ny ota ny ran' ny biby, dia nodorana teny ivelan' ny toby ny fatiny. **12** Ary amin' izany Jesosy koa dia niaritra teny ivelan' ny vavahady mba hahamasina ny olona amin' ny ràny. **13** Koa aoka isika hivoaka hankeo aminy eo ivelan' ny toby, mitondra ny latsa izay nentiny. **14** Fa etỳ isika tsy manana tanàna maharitra, fa mitady ny ho avy. **15** Koa aoka isika hanatitra ny fanati-piderana amin' ny alalany ho an' Andriamanitra mandrakariva, dia ny vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany. **16** Fa aza manadino hanao soa sy hiantra; fa fanatitra toy izany no sitrak' Andriamanitra. **17** Manekè ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay tokony hataon' ny olona mbola hampamoahina, mba hanaovany izany amin' ny fifaliana, ta tsy amin' ny fisentoana; fa tsy hahasoa anareo izany. **18** Mivavaha ho anay; fa matoky izahay fa manana fieritreretana tsara ka te-hitondra tena tsara amin' ny zavatra rehetra. **19** Nefa mainka mangataka anareo hanao izany aho, mba hampodina faingampaingana kokoa ho aminareo. **20** Ary Andriamanitry ny fiadanana, Izay nitondra an' i Jesosy Tompontsika, Mpiandry ondry lehibe, hiala amin' ny maty, mitondra ny ran' ny fanekena mandrakizay, **(aiōnios g166)** **21** Izy anie hahatanteraka anareo amin' ny tsara rehetra hanao ny sitrapony ka hiasa ao anatinareo izay ankasitrahana eo imasony amin' ny alalan' i Jesosy Kristy; ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **22** Ary mangataka aminareo aho, ry rahalahy, zakao ny teny fananarana; fa efa nanoratra epistily fohifohy ihany ho aminareo aho. **23** Aoka ho fantatrareo fa efa afaka Timoty rahalahintsika; koa raha tàhiny handeha faingana izy, dia hiaraka aminy hamangy anareo aho. **24** Manaova veloma amin' izay rehetra mpitondra anareo sy ny olona masìna rehetra. Izay an' Italia dia manao veloma anareo. **25** Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana. Amena.

Jakoba

1 Jakoba, mpanompon' Andriamanitra sy Jesosy Kristy Tompo, mamangy ny firenena roa ambin' ny folo monina any am-pielezana. **2** Ry rahalahiko, ataovy ho fifaliana avokoa, raha iharan' ny fakam-panahy samy hafa ianareo, **3** satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana. **4** Ary aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, mba ho tanteraka sy tonga ohatra ianareo, ka tsy hisy tsy ampy na inona na inona. **5** Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an' ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany. **6** Nefa aoka hangataka amin' ny finoana izy ka tsy hiahanahana akory; fa izay miahanahana dia toy ny alon-dranomasina entin' ny rivotra ka atopatopany. **7** Fa aoka tsy hanampo handray zavatra amin' ny Tompo izany olona izany: **8** olona miroa saina izy, miovaova amin' ny alehany rehetra. **9** Aoka ny rahalahy izay ambany hanao ny fisandratany ho reharehany; **10** fa ny manan-karena kosa ny fietreny, satria ho levona tahaka ny vonin' ny ahitra izy. **11** Fa miposaka ny masoandro mbamin' ny hainandro mahamay, dia mampahalazo ny ahitra, ka mihintsana ny voniny, ary levona ny hatsaran-tarehiny; dia toy izany koa no fahalazon' ny manan-karena amin' ny alehany. **12** Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satro-boninahitra fiainana, izay nolazain' ny Tompo homena izay tia Azy. **13** Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy azon' ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy; **14** fa samy alaim-panahy ny olona, raha tarihin' ny filany sy fitahiny izy. **15** Ary ny filàna, rehefa torontoronina, dia miteraka ota; ary ny ota, rehefa tanteraka, dia miteraka fahafatesana. **16** Aza mety hofitahina ianareo, sy rahalahy malalako. **17** Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambony ka midìna avy amin' ny Rain' ny fanazavana, Izay tsy misy fiovaovana na aloka avy amin' ny fihodinana. **18** Tamin' ny sitrapony no niterahany antsika tamin' ny teny fahamarinana, mba ho santatry ny zavatra noforoniny isika. **19** Fantatrareo izany, sy rahalahy malalako. Kanefa aoka ny olona rehetra halady hihaino ho malai-miteny, ho malain-ko tezitra; **20** fa ny fahatezeran' ny olona tsy ahefana izay marina eo imason' Andriamanitra. **21** Koa ario ny fahalotoana sy ny lolompo rehetra, ary ekeo amin' ny fahalemem-panahy ny teny nambolena, izay mahavonjy ny fanahinareo. **22** Fa aoka ho mpankatò ny teny ianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo. **23** Fa raha misy mpihaino ny teny, nefa tsy mpankatò, dia toy ny olona mizaha ny tarehiny eo amin' ny fitaratra izy; **24** fa mijery ny tenany izy, dia lasa, ary miaraka amin' izay dia hadinony ny tarehiny. **25** Fa izay mandinika ny lalàna tanteraka, dia ny lalàn' ny fahafahana, ka maharitra amin' izany, raha tsy mpihaino manadino, fa mpanao ny asa, dia ho sambatra amin' ny asany izany olona izany. **26** Raha misy manao azy ho mpivavaka, nefa tsy mamehy ny vavany, fa mamitaka ny fony, dia zava-poana ny fivavahan' izany olona izany. **27** Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan' Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin' ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin' izao tontolo izao.

2 Ry rahalahiko, aoka tsy hasiana fizahan-tavan' olona ny finoanareo ny Tompontsika, dia Jesosy Kristy, Tompon' ny voninahitra. **2** Fa raha misy olona miditra eo amin' ny synagoganareo misy peratra volamena amin' ny rantsan-tànany sady miakanjo tsara, ary mba miditra kosa izay olona malahelo miakanjo ratsy, **3** koa mijery ilay miakanjo tsara ianareo ka manao hoe: Mipetraha eto amin' ny fitoerana aloha ianao; ary manao amin' ilay malahelo kosa hoe: Mitoera eroa ianao, na: Mipetraha etsy amin' ny fitoeran-tongotro, — **4** moa tsy miangatra va ianareo amin' izany ka efa mpitsara manan-kevi-dratsy? **5** Mihainoa, ry rahalahy malalako: Tsy efa nofidin' Andriamanitra va ny malahelo amin' izao fiainana izao ho mpanankarena amin' ny finoana sy ho mpandova ny fanjakana nolazainy homena izay tia Azy? **6** Fa ianareo efa nanala-baraka ny malahelo. Moa tsy ny mpanankarena va no mampahory anareo? Ary tsy izy va no mitarika anareo ho eo amin' ny fitsarana? **7** Tsy izy koa va no miteny ratsy ny anarana tsara izay niantsoana anareo? **8** Kanefa raha mankatò ilay didy ambony indrindra ianareo, araka ny Soratra Masìna hoe: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao", dia manao tsara ianareo. **9** Fa raha mizaha tavan' olona kosa ianareo, dia manota ka helohin' ny lalàna ho mpanota. **10** Fa na iza na iza mitandrina ny lalàna rehetra, nefa diso amin' ny iray loha dia meloka amin' izy rehetra. **11** Fa Ilay nanao hoe: "Aza mijangajanga" no nanao hoe koa: "Aza mamono olona". Fa raha tahìny tsy mijangajanga ianao, kanefa mamono olona ihany, dia mpandika ny lalàna ianao. **12** Aoka ianareo hiteny sy hanao araka izay mahamendrika anareo, izay olona hotsarain' ny lalàn' ny fahafahana. **13** Fa fitsarana tsy misy famindram-po no ho anjaran' izay tsy mamindra fo; ary ny famindram-po kosa dia faly, fa tsy mba matahotra ny fitsarana. **14** Inona moa no soa azo, ry rahalahiko, raha misy milaza fa manam-pinoana izy, nefa tsy manana asa? Ny finoana va mahavonjy azy? **15** Raha misy rahalahy na anabavy tsy manan-kitafy sady tsy manan-kohanina isan' andro, **16** ka misy aminareo manao aminy hoe: Mandehana amin' ny fiadanana, mamindroa, mivokisa, kanefa tsy omenareo azy tsinona izay tandrifiny ho an' ny tenany, inona moa no soa azo amin' izany? **17** Ary mba toy izany koa ny finoana, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy. **18** Fa angamba hisy hanao hoe: Hianao manam-pinoana, ary izaho manana asa; asehoy amiko tsy amin' ny asa ny finoanao, ary izaho kosa haneho aminao ny finoako amin' ny asako. **19** Hianao manao fa iray ihany no Andriamanitra; koa tsara izany ataonao izany, — ny demonia koa mba mino izany ka dia mangovitra. **20** Moa tsy fantatrao va, ry olom-poana, fa tsy vanona ny finoana tsy misy asa? **21** Tsy nohamarinina tamin' ny asa va Abrahama razantsika tamin' ny nanaterany an' isaka zanany teo ambonin' ny alitara? **22** Hitanao fa

niara-niasa tamin' ny finoana ny asany, ary ny finoana dia notanterahina tamin' ny asa; **23** ary tanteraka ny Soratra Masìna manao hoe: "Ary Abrahama nino an' Andriamanitra, ka nisaina ho fahamarinany izany", ary natao hoe "Sakaizan' Andriamanitra" izy. **24** Koa dia hitanareo fa hamarinina amin' ny asa ny olona, fa tsy amin' ny finoana ihany. **25** Ary toy izany koa Rahaba janga, tsy nohamarinina tamin' ny asa va izy tamin' ny nandraisany ireny iraka ireny sy ny nampandehanany azy tamin' ny lalan-kafa? **26** Fa maty ny tena, raha tsy misy fanahy, ary maty toy izany koa ny finoana, raha tsy misy asa.

3 Ry rahalahiko, aza dia samy ho mpampianatra be ihany ianareo, satria fantatrareo fa ho mafimafy kokoa no hitsarana anay mpampianatra. **2** Fa tafintohina amin' ny zavatra maro isika rehetra. Raha misy olona tsy mba tafintohina amin' ny teny, dia izy no lehilahy tanteraka ka mahafehy ny tenany rehetra koa. **3** Ary raha asiantsika lamboridy amin' ny vavan' ny soavaly mba hanarahany antsika, dia mitondra ny tenany rehetra isika. **4** Indreo koa ny sambo, na dia lehibe aza ireny ka entin' ny rivotra mahery, dia ahodin' ny familiana kely foana izy ho any amin' izay tian' ny mpitondra. **5** Dia toy izany koa ny lela, rantsana kely izy, kanefa mirehareha fatratra. Indro, ny fiavovon' ny antontan-kazo arehitry ny afo kely! **6** Ary afo ny lela, dia faharatsiana tsy hita lany; eo amin' ny momba ny tenantsika dia ny lela no mampipentimpentina ny tena rehetra ka mampirehitra izao zavatra ary rehetra izao, sady arehitry ny helo izy; **(Geenna g1067)** **7** Fa folaka avokoa ny karazan' ny bibi-dia rehetra sy ny vorona sy ny biby mandady sy mikisaka mbamin' ny any an-dranomasina, eny, voafolaky ny olombelona ireny; **8** fa tsy misy olona mahafolaka ny lela; zava-dratsy tsy manam-pijanonana izy sady feno ody mahafaty. **9** Izy no isaorantsika ny Tompo, dia ny Ray; ary izy ihany koa no anozonantsika ny olona, izay natao araka ny endrik' Andriamanitra. **10** Ny vava iray ihany no ivoahan' ny fisaorana sy ny fanozonana. Ry rahalahiko, tsy mety raha misy izany. **11** Moa ny loharano va mamoaka rano mamy sy mangidy eo amin' ny vavany iray ihany? **12** Ry rahalahiko, ny aviavy va mety mamoa voan' oliva, na ny voaloboka mamoa voan' aviavy? Toy izany ny rano masirasira tsy mba ivoahan' ny mamy. **13** Iza eo aminareo no hendry sy manam-pahalalana? Aoka hasehony amin' ny fitondran-tena tsara ny asany amin' ny fahalemem-panahin' ny fahendrena. **14** Fa raha misy fialonana mirehitra sy fifampiandaniana ao am-ponareo, aza mirehareha na mandainga manohitra ny marina. **15** Izany fahendrena izany dia tsy ny avy any ambony, fa araka ny etỳ an-tany ihany, araka ny nofo, araka ny an' ny demonia. **16** Fa izay misy fialonana sy fifampiandaniana dia misy fikorontanana mbamin izay asa ratsy rehetra. **17** Fa ny fahendrena izay avy any ambony dia madio aloha, ary tia fihavanana, mandefitra, mora alahatra, be famindram-po sy be voka-tsoa, tsy miahanahana na mihatsaravelatsihy. **18** Ary ny vokatry ny fahamarinana dia afafy amin' ny fihavanana ho an' izay mampandroso ny fihavanana.

4 Avy aiza ny ady, ary avy aiza ny fifandirana eo aminareo? Tsy izao va no ihaviany, dia ny filanareo izay miady ao anatin' ny momba ny tenanareo? **2** Mila ianareo, nefa tsy manana ihany; mamono sy mitsiriritra ianareo, nefa tsy mahazo ihany; mifanditra sy miady ianareo; tsy manana ianareo, satria tsy mangataka. **3** Mangataka ianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin' ny filanareo. **4** Ry mpisintaka mijangajanga, tsy fantatrareo va fa fandrafiana an' Andriamanitra ny fisakaizana amin' izao tontolo izao? Koa na iza na iza te-ho sakaizan' izao tontolo izao, dia fahavalon' Andriamanitra izy. **5** Ary ataonareo va fa miteny foana ny Soratra Masìna? Ny fanahy, izay nampitoeriny ato anatintsika dia iriny amin' ny fahasaro-piaro. **6** Nefa manome fahasoavana bebe kokoa Izy. Koa hoy izy: "Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an' ny manetry tena". **7** Ka dia maneke an Andriamanitra ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy. **8** Manatòna an' Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy. Diovy ny tananareo, ry mpanota; ary ataovy madio ny fonareo, ry mpiroa saina. **9** Oria, sy mitomania, ary midradradradrà; aoka hody fitomaniana ny fihomehezanareo, ary hody fanjoretana ny fifalianareo. **10** Manetre tena eo anatrehan' ny Tompo, dia hanandratra anareo Izy. **11** Aza mifanaratsy, ry rahalahy. Izay manaratsy rahalahy na mitsara ny rahalahiny dia manaratsy ny lalàna sy mitsara ny lalàna; fa raha mitsara ny lalàna ianao, dia tsy mpankatò ny lalàna, fa mpitsara. **12** Iray ihany no Mpanome lalàna sy Mpitsara, dia Ilay mahavonjy sy mahavery; fa iza moa ianao, no mitsara ny namanao? **13** He! ianareo izay manao hoe: Anio na ampitso dia hankany Ananona izahay ary hitoetra any herintaona ka hividy sy hivarotra ary hahazo tombom-barotra, **14** kanefa tsy mahalala ny ho ampitso ianareo. Inona moa ny ainareo? Fa zavona ihany ianareo, izay miseho vetivety, dia levona. **15** Fa aleo manao izao: Raha sitrapon' ny Tompo, ka velona izahay, dia hataonay izao na izany. **16** Fa izao dia mirehareha amin' ny fahasahianareo ianareo; ratsy ny fireharehana rehetra toy izany. **17** Koa izay mahalala hanao soa, nefa tsy manao, dia heloka ho azy izany.

5 He! ianareo manan-karena, mitomania sy midradradradrà noho ny fahoriana izay efa manjo anareo. **2** Ny harenareo efa simba, ary ny fitafianareo efa lanin' ny kalalao. **3** Ny volamena sy ny volafotsinareo dia efa harafesina; ary ny harafesiny dia ho vavolombelona hiampanga anareo sady handany ny nofonareo tahaka ny afo. Efa namory harena amin' ny andro farany ianareo. **4** Indro, ny karaman' ny mpiasa nijinja ny taninareo, izay hazoninareo, dia mitaraina; ary ny fitarainan' ny mpijinja dia efa tafiditra amin' ny sofin' ny Tompon' ny maro. **5** Efa velona tamin' ny fy tetỳ ambonin' ny tany ianareo sady nanaram-po tamin' ny fahafinaretana; efa namahy ny fonareo tamin' ny andro hamonoana ianareo. **6** Efa nanameloka namono ny marina ianareo; fa tsy manohitra anareo izy. **7** Ary amin' izany dia mahareta tsara, ry rahalahy, mandra-pihavin' ny Tompo. Indro, ny mpiasa

tany miandry ny voka-tsoa amin' ny tany ka maharitra amin' izany mandra-pahazony ny ranonorana aloha sy aoriana. **8** Mahareta koa ianareo, mampahereza ny fonareo, fa efa mby akaiky ny fihavian' ny Tompo. **9** Aza mifampimonomonona, ry rahalahy, fandrao hohelohina ianareo; Indro, ny Mpitsara efa mitsangana eo anoloan' ny varavarana. **10** Ry rahalahiko, aoka ny mpaminany izay niteny tamin' ny anaran' ny Tompo no halainareo ho fianarana ny fandeferam-pahoriana sy ny faharetana. **11** Indro, ataontsika fa sambatra izay efa naharitra. Efa renareo ny faharetan' i Joba ary efa hitanareo ny faran' ny nataon' ny Tompo taminy, fa miantra indrindra ny Tompo sady be famindram-po. **12** Fa mihoatra noho ny zavatra rehetra, ry rahalahiko, aza mianiana, na amin' ny lanitra, na amin' ny tany, na amin' izay fianianana hafa akory aza; fa aoka ny fanaikinareo ho "Eny", ary ny fandànareo ho "Tsia", fandrao hiharan' ny fitsarana ianareo. **13** Misy azom-pahoriana va eo aminareo? Aoka izy hivavaka. Misy faly va? Aoka izy hihira fiderana. **14** Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon' ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin' ny anaran' ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; **15** ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy, dia havela ny helony. **16** Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiàsan' ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra. **17** Elia dia olona tahaka antsika ihany, ary izy nahery nivavaka mba tsy hilatsahan' ny ranonorana; dia tsy nilatsaka tamin' ny tany ny ranonorana telo taona sy enim-bolana. **18** Ary nivavaka indray izy, dia nandatsaka ranonorana ny lanitra, ka nahavokatra ny tany. **19** Ry rahalahiko, raha misy eo aminareo miala amin' ny fahamarinana, ary misy anankiray mampibebaka azy, **20** aoka ho fantany fa izay mampibebaka ny mpanota hiala amin' ny lalan' ny fahadisoany dia hamonjy fanahy tsy ho faty sady hanarona heloka be.

1 Petera

1 Petera, Apostolin' i Jesosy Kristy, mamangy ny
mpivahiny monina any am-pielezana any Ponto, Galatia,
Kapadokia, Asia sy Bitynia, dia olom-boafidy **2** araka ny
fahalalana rahateo, izay an' Andriamanitra Ray, amin' ny
fanamasinan' ny Fanahy, ho amin' ny fanarahana sy ny
famafazan' ny ran' i Jesosy Kristy: hampitomboina ho
anareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana. **3** Isaorana
anie Andriamanitra, Rain' i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay
niteraka antsika indray araka ny haben' ny famindram-pony
ho amin' ny fanantenana velona tamin' ny nitsanganan' i
Jesosy Kristy tamin' ny maty, **4** ho amin' ny lova tsy mety
simba, tsy misy loto, tsy mety levona, voatahiry any an-
danitra ho anareo, **5** izay arovan' ny herin' Andriamanitra
amin' ny finoana ho amin' ny famonjena efa vonona
haseho any am-parany. **6** Izany no iravoravoanareo, na
dia ampalahelovina vetivety ankehitriny amin' ny fakam-
panahy maro samy hafa aza ianareo, raha tsy maintsy
hisy izany, **7** mba ho hita ho fiderana sy voninahitra ary
fankalazana ny fizahan-toetra ny finoanareo (izay tsara
lavitra noho ny volamena mety ho simba, na dia voazaha
toetra tamin' ny afo aza), dia amin' ny hisehoan' i Jesosy
Kristy; **8** Izay, na dia tsy mbola hitanareo aza, dia tianareo,
ary na dia tsy hitanareo ankehitriny aza, anefa, satria
inoanareo, dia iravoravoanareo amin' ny fifaliana tsy azo
tononina sady be voninahitra, **9** mandray ny anton' ny
finoanareo, dia ny famonjena ny fanahy. **10** Ny amin'
izany famonjena izany dia notadiavin' ny mpaminany sy
nokatsahiny fatratra, dia ireo efa naminany ny fahasoavana
ho anareo; **11** eny, nokatsahiny izay andro na izay toetry
ny andro notondroin' ny Fanahin' i Kristy ao anatiny, raha
nambarany rahateo ny fijalian' i Kristy sy ny voninahitra
manaraka izany. **12** Ary naseho tamin' ireo fa tsy ho azy, fa
ho anareo no nanompoany ny amin' izany zavatra izany,
izay voalaza aminareo ankehitriny, tamin' ny tenin' ireo
nitory ny filazantsara taminareo amin' ny Fanahy Masìna,
Izay nirahina avy tany an-danitra; izany zavatra izany
dia tian' ny anjely hodinihina. **13** Koa amin' izany sikino
ny sainareo, dia mahonona tena, ka antenao tsara ny
fahasoavana izay ho entina ho anareo amin' ny hisehoan' i
Jesosy Kristy; **14** tahaka ny zanaka manoa, tsy mitondra
tena araka ny filanareo fahiny tamin' ny tsi-fahalalanareo;
15 fa araka ny fahamasinan' ilay niantso anareo, dia aoka
mba ho masìna koa ianareo amin' ny fitondran-tena rehetra,
16 satria voasoratra hoe: "Ho masìna ianareo, satria masìna
Aho". **17** Ary raha Ilay tsy mizaha tavan' olona, fa mitsara
araka ny asan' izy rehetra, no antsoinareo hoe Ray, dia
mitondrà tena amin' ny fahatahorana mandritra ny andron'
ny fivahinianareo etỳ; **18** fa fantatrareo fa tsy zavatra
mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no
nanavotana anareo tamin' ny fitondran-tena adala, izay
azonareo tamin' ny nentin-drazana, **19** fa ny rà soan' i
Kristy, toy ny ran' ny zanak' ondry tsy misy kilema ary
tsy misy pentimpentina; **20** Izay fantatra rahateo, fony
tsy mbola ary ny fanorenan' izao tontolo izao, fa efa
naseho tamin' izao andro farany izao noho ny aminareo
21 Izay mino an' Andriamanitra amin' ny alalany, dia Ilay
nanangana Azy tamin' ny maty ka nanome voninahitra Azy,
— mba hiorenan' ny finoanareo sy ny fanantenanareo amin'
Andriamanitra. **22** Satria efa nodiovinareo ny fanahinareo
tamin' ny fanarahana ny fahamarinana ho amin' ny fitiavan-
drahalahy tsy miangatra dia mifankatiava fatratra amin'
ny fo; **23** fa efa teraka indray ianareo, tsy tamin' ny voa
mety ho lò, fa tamin' ny tsy mety ho lò, dia ny tenin'
Andriamanitra, izay velona sady maharitra. **(aiōn g165)** **24**
Fa "ny nofo rehetra dia tahaka ny ahitra, Ary izay mety
ho voninahiny dia tahaka ny vonin' ny ahitra. Malazo ny
ahitra, ka mihintsana ny voniny; **25** Fa ny tenin' ny Tompo
maharitra mandrakizay". Ary izany no tenin' ny filazantsara
izay notorina taminareo. **(aiōn g165)**

2 Koa esory ny lolompo rehetra sy ny ny fihatsaram-
belatsihy sy ny fialonana ary ny fanaratsiana rehetra,
2 fa tahaka ny zaza vao teraka dia maniria ny rononom-
panahy tsy misy fitaka, mba hitomboanareo amin' izany ho
amin' ny famonjena, **3** raha tàhiny "nanandrana ianareo fa
tsara ny Tompo;" **4** Izay hatoninareo toy ny vato velona,
"nolavin' ny olona, fa voafidin' Andriamanitra sady soa,"
5 ka dia atsangana koa ianareo tahaka ny vato velona
ho trano fanahy, ho fisoronana masìna, hanatitra fanati-
panahy sitrak' Andriamanitra amin' ny alalan' i Jesosy
Kristy. **6** Fa misy teny ao amin' ny Soratra Masìna manao
hoe: "Indro, mametraka fehizoro ao Ziona Aho, dia vato
voafidy sady tsara; Ary izay mino Azy tsy ho menatra".
7 Koa ny fahatsarana dia ho anareo izay mino; fa amin'
izay tsy mino kosa "Ny vato izay nolavin' ny mpanao trano
No efa tonga fehizoro", **8** "Ary vato mahatafintohina sy
vatolampy mahasolafaka"; ary satria tsy nanaiky ireo, dia
tafintohina tamin' ny teny izy, sady izany koa no nanendrena
azy. **9** Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, "fanjaka-
mpisorona, firenena masìna", olona nalain' Andriamanitra
ho an' ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran' ilay niantso
anareo hiala tamin' ny maizina ho amin' ny fahazavany
mahagaga; **10** dia ianareo izay tsy firenena akory fahiny, fa
ankehitriny efa olon' Andriamanitra; izay tsy namindrana fo,
fa ankehitriny efa namindrana fo. **11** Ry malala, mananatra
anareo aho, satria vahiny sy mpivahiny ianareo, fadio
ny filan' ny nofo, fa miady amin' ny fanahy ireny; **12**
ary aoka ho tsara ny fitondran-tenanareo eo amin' ny
jentilisa, mba hankalazany an' Andriamanitra amin' ny
andro famangiana noho ny ahitany ny asa tsara ataonareo,
dia izay anendrikendrehany anareo ho mpanao ratsy. **13**
Ary noho ny Tompo dia maneke izay rehetra voatendrin'
ny olona, na ny mpanjaka, satria ambony izy, **14** na ny
mpanapaka, satria nirahiny hamaly izay manao ratsy izy,
fa ho mpidera izay manao tsara. **15** Fa toy izany no
sitrapon' Andriamanitra, hampanginanareo ny tsi-fahalalan'
ny olona adala amin' ny fanaovan-tsoa; **16** fa olona afaka
ianareo, nefa aza mitondra ny fahafahanareo ho fanaronana
ny ratsy, fa ho toy ny mpanompon Andriamanitra. **17**
Manajà ny olona rehetra. Tiava ny rahalahy. Matahora
an' Andriamanitra. Manajà ny mpanjaka. **18** Hianareo

mpanompo, maneke ny tomponareo amin' ny fahatahorana rehetra, tsy ny tsara sy ny malemy fanahy ihany, fa ny saro-po koa. **19** Fa izao no ankasitrahana: raha misy olona mitondra alahelo ka mandefitra ny tsy marina noho ny fieritreretana ny amin' Andriamanitra. **20** Fa inona no laza, raha tàhiny kapohina noho ny fahadisoana ianareo ka mandefitra amin' izany? Fa raha tàhiny manao soa kosa ianareo ka mitondra fahoriana sy mandefitra, dia izany no sitrak' Andriamanitra. **21** Fa ho amin' izany no niantsoana anareo; fa Kristy aza efa nijaly hamonjy anareo ka namela fianarana ho anareo, mba hanarahanareo ny diany; **22** "Izay tsy nanota akory, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany"; **23** raha notevatevaina Izy, dia tsy mba nanevateva; raha nijaly, dia tsy nandrahona, fa nanolotra ny adiny ho amin' ny Mpitsara marina; **24** ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin' ny tenany teo ambonin' ny hazo, mba ho faty ny amin' ny ota isika, fa ho velona ny amin' ny fahamarinana; ary "ny dian-kapoka taminy no nahasitranana anareo". **25** Fa efa nania toy ny ondry ianareo, nefa ankehitriny dia efa niverina ho amin' ny Mpiandry sy Mpitandrina ny fanahinareo.

3 Ary toy izany koa, ianareo vehivavy, maneke ny vadinareo, mba ho voataonan' ny fitondran-tenan' ny vavy izy, na dia tsy amin' ny teny aza (raha tàhiny misy tsy manaiky ny teny), **2** rehefa hitany ny fahadiovan' ny fitondran-tenanareo amin' ny fahatahorana. **3** Ary aoka ny firavahanareo tsy ho zavatra eny ivelany, toy ny firandranam-bolo sy ny firava-bolamena na ny fiakanjoana; **4** fa aoka ho toetra miafina ao am-po, izay tsy mety ho lò, dia ny fanahy malemy sady miadana, izay soa indrindra eo imason' Andriamanitra. **5** Fa tahaka izany no niravahan' ny vehivavy masìna fahiny, izay nanantena an' Andriamanitra sady nanaiky ny vadiny; **6** dia tahaka an' i Saraha, izay nanaiky an' i Abrahama ka nanao azy hoe "tompoko"; dia zanany ianareo, raha mba manao soa ka tsy matahotra izay fampitahorana na inona na inona. **7** Ary toy izany koa, ianareo lehilahy, miaraha mitoetra aminy araka ny marina, manaja ny vavy, tahaka ny mety hatao amin' ny fanaka malemilemy kokoa sady mpiara-mandova ny fahasoavan' ny fiainana, — mba tsy ho voasakana ny fivavahanareo. **8** Farany, miraisa saina ianareo rehetra, ka miaraha ory, mifankatiava tahaka ny mpirahalahy, mifamindrà fo, manetre tena, **9** tsy mamaly ratsy ny ratsy, na fanaratsiana ny fanaratsiana; fa aoka hisaotra kosa, satria ho amin' izany no niantsoana anareo mba handova fitahiana. **10** "Fa na iza na iza maniry fiainana sy ta-hahita andro soa, Aoka izy hiaro ny lelany amin' ny ratsy Ary ny molony mba tsy hiteny fitaka; **11** Ary aoka izy hiala amin' ny ratsy ka hanao soa; Aoka izy hitady fihavanana sy hanaraka azy. **12** Fa ny mason' ny Tompo dia mitsinjo ny marina, Ary ny sofiny mihaino ny fitarainany, Fa ny tavan' ny Tompo dia tezitra amin' ny mpanao ratsy". **13** Ary iza no hanisy ratsy anareo, raha mazoto amin' izay tsara ianareo? **14** Fa raha tàhiny mitondra fahoriana noho ny fahamarinana ianareo, dia sambatra; ary aza matahotra tahaka azy, ary aza mangorohoro ianareo; **15** fa manamasìna an i' Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin' ny anton' ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin' ny fahalemempanahy sy ny fanajana, **16** ka manàna fieritreretana tsara, mba ho menatra izay manaratsy ny fitondran-tenanareo tsara ao amin' i Kristy, dia izay anendrikendrehana anareo. **17** Fa raha sitrapon' Andriamanitra, dia tsaratsara kokoa ny hitondra fahoriana amin' ny fanaovan-tsoa noho ny amin' ny fanaovan-dratsy. **18** Fa Kristy koa aza efa nijaly indray mandeha noho ny ota, ny Marina hamonjy ny tsy marina, mba hitondra antsika ho amin' Andriamanitra, ka novonoina tamin' ny nofo, fa novelomina tamin' ny fanahy, **19** izay nandehanany sy nitoriany teny tamin' ireo fanahy tao an-tranomaizina, **20** dia izay tsy nanaiky fahiny, fony niandry ny fahari-pon' Andriamanitra tamin' ny andron' i Noa, raha mbola namboarina ny sambo-fiara, izay nidiran' ny olona vitsy, dia izy valo mianaka, ka dia namonjena azy ny rano, **21** izay mamonjy anareo koa ankehitriny, dia ny batisa, izay tenan' io tandindona io, — tsy ny fanesorana ny fahalotoan' ny nofo anefa, fa ny fitadiavana' ny fieritreretana tsara eo anatrehan Andriamanitra, amin' ny nitsanganan' i Jesosy Kristy tamin' ny maty. **22** Izay eo amin' ny tanana ankavanan' Andriamanitra; fa efa lasa ho any an-danitra Izy ka efa nampanekena Azy ny anjely sy ny fahefana ary ny hery.

4 Koa satria niaritra tamin' ny nofo Kristy, dia alao mba ho fiadianareo izany saina izany; fa izay niaritra tamin' ny nofo dia efa afaka tamin' ny ny ota; **2** mba tsy handanianareo ny andro sisa iainanareo amin' ny nofo araka ny filan' ny olona intsony, fa araka ny sitrapon' Andriamanitra. **3** Fa ampy izay ny andro lasa ho nanaovana ny fanaon' ny jentilisa tamin' ny nandehanana tamin' ny fijejojejoana sy ny fanirian-dratsy sy ny fimamoana sy ny filalaovan-dratsy sy ny fisotroan-toaka ary ny fanompoantsampy izay fady indrindra; **4** ary amin' izany dia gaga izy ireo, satria tsy miara-mihazakazaka aminy ianareo amin' izany fanaranam-po amin' ny ratsy izany, ka dia teneniny ratsy; **5** nefa hampamoahin' ilay efa vonona hitsara ny velona sy ny maty **6** Fa noho izany no nitoriana ny filazantsara tamin' izay maty aza; mba hotsaraina araka ny olona amin' ny nofo izy fa ho velona araka an' Andriamanitra amin' ny fanahy. **7** Fa antomotra ny faran' ny zavatra rehetra; koa hendre ka mahonòna tena ho amin' ny fivavahana. **8** Ary mihoatra noho ny zavatra rehetra, mifankatiava tsara; fa "ny fitiavana manarona fahotana maro" **9** Mifampiantranoa, ka aza mimonomonona. **10** Samia mifanompo araka ny fanomezam-pahasoavana izay noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara ny fahasoavana maro samy hafa izay an' Andriamanitra. **11** Rana misy olona miteny, dia aoka izy hiteny toy ny milaza tenin' Andriamanitra, raha misy olona manompo, dia aoka izy hanao izany araka ny hery izay omen' Andriamanitra azy; mba hankalazana an' Andriamanitra amin' ny zavatra rehetra amin' ny alalan' i Jesosy Kristy; fa Azy ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena, **(aiōn g165)** **12** Ry malala, aza gaga noho ny fizahan-toetra mahamay izay mahazo anareo ho fitsapan-toetra, ary aza

atao ho zavatra mahagaga manjo anareo izany, **13** fa araka ny iombonanareo fijaliana amin' i Kristy, dia mifalia, mba hiravoravoanareo indrindra amin' ny fisehoan' ny voninahiny koa. **14** Sambatra ianareo, raha haratsina noho ny anaran' i Kristy, fa ny Fanahin' ny voninahitra, dia ny Fanahin' Andriamanitra, mipetraka ao aminareo. **15** Fa aoka tsy hisy aminareo hijaly satria mpamono olona, na mpangalatra, na mpanao ratsy, na mpiraharaha ny an' olona. **16** Fa raha misy mijaly satria Kristiana, dia aoka tsy ho menatra izy; fa aoka hankalaza an' Andriamanitra amin' izany anarana izany izy. **17** Fa tonga ny andro hiantombohan' ny fitsarana hatrao amin' ny ankohonan' Andriamanitra; ary raha miantomboka amintsika izany, dia hanao ahoana kosa no hiafaran' izay tsy manaiky ny filazantsaran' Andriamanitra? **18** Ary "raha saiky tsy voavonjy ny marina, aiza no hisehoan ny ratsy fanahy sy sy ny mpanota?". **19** Koa izay mitondra fahoriana araka ny sitrapon' Andriamanitra, dia aoka ny fanaovan-tsoa no hanolorany ny fanahiny ho an' ilay mahatoky, dia ny Mpanao azy.

5 Koa ny amin' ny loholona izay eo aminareo, izaho, izay naman ny loholona sy vavolombelon' ny fijalian' i Kristy ary mpiombona ny voninahitra efa haseho koa, dia mananatra azy hoe: **2** Andraso ny ondrin' Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-terỳ, fa amin' ny sitrapo [araka an' Andriamanitra]; tsy amin' ny fitiavana harena maloto, fa amin' ny zotom-panahy; **3** tsy ho mpanjakazaka, amin' ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran' ny ondry. **4** Ary rehefa miseho ny Lohan' ny mpiandry, dia hahazo ny satro-boninahitra tsy mety simba ianareo, **5** Ary ianareo izay mbola tanora fanahy kosa, dia maneke ny loholona. Eny, samia misikìna fanetren-tena ianareo ka mifanompoa; fa "Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho an' ny manetry tena". **6** Koa amin' izany manetre tena ambanin' ny tàna-maherin' Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin' ny fotoan' andro; **7** ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miahy anareo. **8** Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany; **9** tohero izy, ka miorena tsara amin' ny finoana ianareo, satria fantatrareo fa izany fahoriana izany dia manjo ny rahalahinareo rehetra eran' izao tontolo izao. **10** Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, Izay efa niantso anareo ho any amin' ny voninahiny mandrakizay ao amin' i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety ianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo. **(aiōnios g166)** **11** Ho Azy anie ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **12** Efa manoratra teny fohifohy ho aminareo aho hampitondraina an' i Silasy, izay ataoko ho rahalahy mahatoky, dia mananatra anareo aho ka manambara fa izany no tena fahasoavan' Andriamanitra, — tomoera tsara amin' izany ianareo. **13** Izay any Babylona, voafidy ho namanareo, manao veloma anareo, ary Marka zanako koa. **14** Mifanaova veloma amin' ny fanorohampitiavana. Ho aminareo rehetra izay ao amin' i Kristy anie ny fiadanana.

2 Petera

1 Simona Petera, mpanompo sy Apostolin' i Jesosy Kristy, mamangy izay efa nahazo finoana soa tahaka ny anay amin' ny fahamarinan' i Jesosy Kristy, Andriamanitsika sy Mpamonjy: **2** hampitomboina ho anareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana amin' ny fahalalana tsara an' Andriamanitra sy Jesosy Tompontsika. **3** Efa nomen' ny herin' Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an' Andriamanitra amin' ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin' ny voninahiny sy ny fahatsarany; **4** ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin' ny fomban' Andriamanitra amin' izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin' izao tontolo izao noho ny filàna; **5** koa noho izany dia manaova izay zotom-po rehetra kosa ianareo, ka amin' ny finoanareo dia manehoa fahatanjahan-tsaina, ary amin' ny fahatanjahan-tsainareo dia fahalalana, **6** ary amin' ny fahalalanareo dia fahononam-po, ary amin' ny fahononam-ponareo dia faharetana, ary amin' ny faharetanareo dia toe-panahy araka an' Andriamanitra, **7** ary amin' ny toe-panahinareo araka an' Andriamanitra dia fitiavana ny rahalahy, ary amin' ny fitiavanareo ny rahalahy dia fitiavana ny olona rehetra. **8** Fa raha anananareo izany zavatra izany, sady anananareo betsaka, dia tsy avelan' izany ho malaina na tsy hahavokatra ianareo amin' ny fahalalana tsara an' i Jesosy Kristy Tompontsika. **9** Fa izay tsy manana izany zavatra izany kosa dia toa jamba ka tsy mahajery lavitra, sady nanadino ny nanadiovana azy tamin' ny fahotany voalohany izy. **10** Ary amin' izany dia mazotoa kokoa, ry rahalahy, hampitoetra ny fiantsoana sy ny fifidianana anareo; fa raha manao izany zavatra izany ianareo, dia tsy ho tafintohina akory mandrakizay; **11** fa toy izany no hanomezana malalaka ho anareo ny fidirana ho any amin' ny fanjakana mandrakizay, izay an' i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy antsika. **(aiōnios g166)** **12** Koa hazoto mandrakariva hampahatsiaro anareo ny amin' izany zavatra izany aho, na dia efa fantatrareo aza, ka efa naorina tsara amin' ny fahamarinana izay efa eo aminareo. **13** Fa raha mbola eto amin' ity trano-lay ity aho, dia ataoko fa mety ny hampifoha anareo amin' ny fampahatsiarovana anareo, **14** satria fantatro fa ho avy tampoka ny hanesorana ny trano-laiko, dia toy ny nasehon' i Jesosy Kristy Tompontsika tamiko koa. **15** Ary dia hataoko izay zakako mba hisy hahatsiarovanareo izany zavatra izany mandrakariva, rehefa maty aho. **16** Fa tsy nanaraka izay anganongano noforonin' ny fahafetsen' ny saina izahay, raha nampahafantatra anareo ny hery sy ny fihavian' i Jesosy Kristy Tompontsika; fa efa hitan' ny masonay ny fiandrianany. **17** Fa nahazo laza amam-boninahitra tamin' Andriamanitra Ray Izy, raha tonga teo aminy avy tamin' ny voninahitra lehibe indrindra ilay feo nanao hoe: "Ity no Zanako malalako izay sitrako". **18** Ary renay io feo avy tany an-danitra io, raha niara-nipetraka taminy tany an-tendrombohitra masìna izahay. **19** Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany ianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin' ny fitoerana maizimaizina izany, mandra-pahazavan' ny andro, ka miposaka ao am-ponareo ny fitarik' andro; **20** fa fantatrareo voalohany indrindra fa ny famoahan-kevitry ny faminaniana ao amin' ny Soratra Masìna dia tsy efan' ny fisainan' ny olona fotsiny ihany; **21** fa tsy nisy faminaniana avy tamin' ny sitrapon' ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin' Andriamanitra no nitenenan' ny olona araka izay nitondran' ny Fanahy Masìna azy.

2 Efa nisy mpaminany sandoka teo amin' ny olona Isiraely, ary hisy koa mpampianatra sandoka tahaka izany eo aminareo, izay hahatonga mangingina sain-diso mahavery ary handà ny Tompo Izay nividy azy aza ka hahatonga fahaverezana tampoka ho amin' ny tenany. **2** Ary maro no hanaraka ny fijejojejoany; ka ireny no hitenenan-dratsy ny lalan' ny fahamarinana. **3** Ary amin' ny hafatratry ny fitiavany harena no hanaovany varotra anareo amin' ny teny mamitaka; efa ela izay no tsy nijanonjanona ny fitsarana ireny, ary tsy rendremana ny fahaverezany. **4** Fa raha tsy navelan' Andriamanitra ny anjely fony nanota, fa noroahiny ho any amin' ny helo ka natolony ho ao an-davaka maizina mba hotehirizina ho amin' ny fitsarana, **(Tartaroō g5020)** **5** ary raha tsy namela izao rehetra izao taloha Izy, fa namonjy an' i Noa, mpitory ny fahamarinana, sy ireo fito, fony nahatonga ny safo-drano tamin' ny ratsy fanahy teo amin' izao tontolo izao, — **6** ary raha nataony nanjary lavenona ny tanàna Sodoma sy Gomora ka nohelohiny horavana ary nataony fananarana ho an' izay ratsy fanahy ato aoriana, — **7** fa Lota marina, izay ory dia ory noho ny fijejojejoan' ny olona ratsy fanahy, no novonjeny ho afaka **8** (fa izany lehilahy marina izany, raha nitoetra teo aminy, dia nahory loatra ny fanahiny marina isan' andro isan' andro noho ny nahitany sy ny nandrenesany ny fandikan' ireo ny lalàna): **9** dia fantatry ny Tompo izay hamonjeny ny tsara fanahy amin' ny fakam-panahy sy ny hitehirizany ny olona tsy marina amin' ny fijaliana ho amin' ny andro fitsarana, — **10** indrindra fa izay mandeha araka ny fitarihan' ny nofo hila zava-mahaloto ka manamavo ny manana fahalehibiazana. Ireo efa olona sahisahy, mitompo teny fantatra sady tsy matahotra hiteny ratsy ny manana voninahitra. **11** Fa ny anjely aza, izay mihoatra amin' ny tanjaka sy ny hery, tsy mitondra fiampangana hitenenan-dratsy azy eo anatrehan' ny Tompo. **12** Fa ireo kosa izay miteny ratsy ny zavatra tsy fantany (tahaka ny biby tsy manan-tsaina, fa zava-manan' aina fotsiny ihany, izay teraka ho fisambotra sy ho famono) dia haringana tokoa amin' ny fahalotoany, **13** ary hiharan' ny ratsy ho valin' ny faharatsiany izy. Ataony ho zava-mahafinaritra ny velona vetivety amin' ny fy, ka be pentimpentina sy tsiny izy sady velona amin' ny fy eo amin' ny fanasam-pifankatiavany, raha miara-mihinana aminareo. **14** manana maso feno fijangajangana, izay tsy mety mitsahatra amin' ny fahotana: dia mamitaka ny tsy miorina tsara izy; ary mampaharatra ny fony amin' ny hafatratry ny fitiavany harena, dia zanaky ny fanozonana izy; **15** efa niala tamin' ny lalana mahitsy izy ka nivily

nanaraka ny lalan' i Balama, zanak' i Beora, izay tia ny tambin' ny tsi-fahamarinana. **16** nefa voanatra izy noho ny fahotany: ny boriky moana efa nanao feon' olona ka nisakana ny hadalan' ilay mpaminany. **17** Ireo efa loharano ritra, zavona entin' ny tafio-drivotra, ka efa tehirizina ho azy ny fahamaintisan' ny maizina. **18** Fa mandoka fatratra ny zava-poana ireo, ka ny filan' ny nofo, dia ny fijejojejoana, no entiny mamitaka ny olona izay saiky afaka tsy ho naman' ny velona eo amin' ny fahadisoana intsony; **19** fahafahana no ampanantenainy ireny, kanjo ny tenany aza dia andevon' ny fahalotoana; efa izay maharesy ny olona dia mahandevo avy. **20** Fa raha misy efa afaka amin' ny fahalotoan' izao tontolo izao noho ny fahalalana tsara an' i Jesosy Kristy, Tompo sy Mpamonjy, nefa voasingotr' izany indray ka resy, ny farany dia ratsy noho ny voalohany. **21** Fa tsara aminy raha tsy nahalala ny lalan' ny fahamarinana toy izay hiala amin' ny didy masìna natolotra azy, rehefa nahalala izany izy. **22** Efa mihatra aminy ny ohabolana marina hoe: "Ny amboa miverina indray amin' ny loany", ary: "Ny kisoavavy efa nisasa dia mihosim-potaka indray."

3 Ry malala, ity no epistily faharoa soratako ho aminareo ankehitriny, ka izy roroa dia samy entiko mampifoha ny sainareo madio amin' ny fampahatsiarovana, **2** mba hahatsiarovanareo ny teny voalazan' ny mpaminany masìna rahateo sy ny didin' ny Tompo sady Mpamonjy izay nentin' ny Apostoly nirahina ho atỳ aminareo; **3** efa fantatrareo voalohany indrindra fa amin' ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany **4** ka manao hoe: Aiza ny teny fikasana ny amin' ny fihaviany? Fa hatrizay nodian' ny razana mandry dia maharitra tsy miova ny zavatra rehetra; eny, hatramin' ny nanaovana izao tontolo izao aza. **5** Fa minia jamba ireo ka tsy mahalala fa nisy hatramin' ny ela ny lanitra, ary nisy tany koa, izay niseho avy tamin' ny rano, sady rano no nanaovana azy tamin' ny tenin' Andriamanitra, **6** ary rano koa no nandravana izao rehetra izao taloha tamin' ny nanasaforany azy; **7** fa izao lanitra sy tany ankehitriny izao dia hazonin' izany teny izany ho amin' ny afo ka tehirizina ho amin' ny andro fitsarana sy fandringanana ny ratsy fanahy. **8** Nefa, ry malala, izao zavatra iray loha izao no aoka tsy hohadinoinareo: ny indray andro amin' ny Tompo dia toy ny arivo taona, ary ny arivo taona toy ny indray andro. **9** Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon' ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin' ny fibebahana izy rehetra, **10** Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron' ny Tompo, ary amin' izany ny lanitra dia ho lasa amin' ny firimorimoana mafy, ary ho levon' ny afo ny tenan' ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy. **11** Koa raha ho levona toy izany izao zavatra rehetra izao, dia olona tokony hanao ahoana moa ianareo amin' ny fitondran-tena masìna sy ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, **12** sady manantena no mampahafaingana ny hihavian' ny andron' Andriamanitra, izay hahamay sy hahalevona ny lanitra ary handoro sy hampiempo ny tenan' ny zavatra rehetra! **13** Kanefa isika, araka ny teny fikasany, dia manantena lanitra vaovao sy tany vaovao, izay itoeran' ny fahamarinana. **14** Koa amin' izany, ry malala, satria manantena izany zavatra izany ianareo, efa mazotoa mba ho hita tsy manan-tsiny amam-pondro eo anatrehan' ny Tompo amin' ny fihavanana. **15** Ary ny fahari-pon' ny Tompontsika dia ekeo ho famonjena, tahaka ny voasoratr' i Paoly, rahalahy malalantsika, taminareo koa araka ny fahendrena nomena azy, **16** tahaka ny ataony ao amin' ny epistiliny rehetra koa, fa milaza izany zavatra izany ao aminy izy; ary amin' ireo efa misy zavatra saro-pantarina, izay aolan' ny olona kely fahalalana sady tsy miorina tsara, tahaka ny anaovany ny teny sasany amin' ny Soratra Masìna koa, ka mahatonga fahaverezana ho an' ny tenany. **17** Koa, satria fantatrareo rahateo izany, ry malala, dia tandremo fandrao ho voataonan' ny fahadisoan' ny ratsy fanahy ianareo ka ho lavo hiala amin' izay iorenanareo; **18** fa mitomboa amin' ny fahasoavana sy ny fahalalana an' i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)**

1 Jaona

1 Izay hatramin' ny voalohany, dia izay efa renay, izay efa hitan' ny masonay, izay efa nojerenay sady efa notsapain' ny tananay, dia ny amin' ny Teny Fiainana **2** (fa efa naseho ny fiainana, ary efa nahita azy izahay, dia tonga vavolombelona ka manambara aminareo ny fiainana mandrakizay, izay tao amin' ny Ray ka efa naseho taminay), — **(aiōnios g166)** **3** izay efa hitanay sy renay no ambaranay aminareo, mba hahazoanareo firaisana aminay koa; ary ny firaisanay dia amin' ny Ray sy amin' i Jesosy Kristy Zanany. **4** Ary izao zavatra izao no soratanay, mba ho tanteraka ny fifaliantsika. **5** Ary izao no teny renay taminy ka ambaranay aminareo: Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy maizina akory ao aminy. **6** Raha hoy isika: Manana firaisana aminy isika, kanefa mandeha amin' ny maizina, dia mandainga isika ka tsy manao ny marina. **7** Fa raha mandeha eo amin' ny mazava isika, tahaka Azy eo amin' ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran' i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin' ny ota rehetra. **8** Raha hoy isika: Tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika. **9** Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra. **10** Raha hoy isika: Tsy nanota isika, dia mampandainga Azy, ary tsy ato anatintsika.

2 Anaka, izany zavatra izany no soratako ny aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin' ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, Ilay Marina; **2** ary Izy no avotra noho ny fahotantsika, ary tsy noho ny antsika ihany, fa noho ny an' izao tontolo izao koa. **3** Ary izao no ahafantarantsika fa mahalala Azy isika, dia ny fitandremana ny didiny. **4** Izay manao hoe: Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny didiny, dia mpandainga, ary ny marina tsy ao anatiny. **5** Fa na iza na iza mitandrina ny teniny, dia tanteraka ao aminy marina tokoa ny fitiavana an' Andriamanitra izany no ahafantarantsika fa ao aminy isika. **6** Izay milaza fa mitoetra ao aminy izy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa. **7** Ry malala, tsy didy vaovao no soratako aminareo, fa didy ela, izay nanananareo hatramin' ny voalohany. Ny didy ela dia izay teny efa renareo. **8** Ary koa, didy vaovao no soratako aminareo, dia zavatra marina eo aminy sy eo aminareo, satria miala ny maizina, ary ny mazava marina no mahazava ankehitriny. **9** Izay milaza fa ao amin' ny mazava izy, kanefa mankahala ny rahalahiny, dia mbola ao amin' ny maizina ihany. **10** Izay tia ny rahalahiny no mitoetra ao amin' ny mazava, ka tsy misy fahatafintohinana ao aminy. **11** Fa izay mankahala ny rahalahiny dia ao amin' ny maizina ary mandeha ao amin' ny maizina ka tsy mahalala izay alehany, satria ny maizina no efa nahajamba ny masony. **12** Manoratra aminareo zanaka aho, satria voavela ny helokareo noho ny anarany. **13** Manoratra aminareo ray aho, satria efa mahalala Ilay hatramin' ny voalohany ianareo. Manoratra aminareo zatovo aho, satria efa naharesy ilay ratsy ianareo. Nanoratra taminareo ankizy madinika aho satria efa mahalala ny Ray ianareo. **14** Nanoratra taminareo ray aho, satria efa nahalala Ilay hatramin' ny voalohany ianareo. Nanoratra taminareo zatovo aho, satria mahery ianareo, ary mitoetra ao anatinareo ny tenin' Andriamanitra, sady efa naharesy ilay ratsy ianareo. **15** Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin' izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray. **16** Fa ny zavatra rehetra eo amin' izao tontolo izao, dia ny filan' ny nofo sy ny filan' ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin' ny Ray, fa avy amin' izao tontolo izao ihany. **17** Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filany; fa izay manao ny sitrapon' Andriamanitra no maharitra mandrakizay. **(aiōn g165)** **18** Rankizy, izao no ora farany, ary tahaka ny efa renareo fa ho avy ny antikristy, sady maro no antikristy efa tonga sahady; koa izany no ahafantarantsika fa izao no ora farany. **19** Avy tamintsika ihany no niala ireo, nefa tsy mba namantsika izy; fa raha tàhiny namantsika izy, dia ho nitoetra tamintsika ihany; fa efa niala izy, mba haseho fa tsy isantsika izy rehetra. **20** Fa ianareo kosa manana hosotra avy amin' ilay Masìna ka mahalala ny zavatra rehetra. **21** Tsy noho ny tsy ahafantaranareo ny marina no nanoratako taminareo, fa noho ny ahafantaranareo izany sy noho ny tsi-fisiana lainga avy amin' ny marina. **22** Iza no mpandainga, afa-tsy ilay mandà an' i Jesosy tsy ho Kristy? Izy no antikristy, dia izay mandà ny Ray sy ny Zanaka. **23** Izay rehetra mandà ny Zanaka no tsy manana ny Ray koa; izay manaiky ny Zanaka no manana ny Ray koa. **24** Ary ny aminareo, dia izay efa renareo hatramin' ny voalohany no aoka hitoetra ao anatinareo. Raha mitoetra ao anatinareo izay efa renareo hatramin' ny voalohany, dia hitoetra ao amin' ny Zanaka sy ny Ray kosa ianareo. **25** Ary izao no teny fikasana izay nataony tamintsika, dia ny fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **26** Izany zavatra izany no voasoratro taminareo ny amin' ny mamitaka anareo. **27** Ary ny aminareo, dia ilay hosotra noraisinareo taminy no mitoetra ao aminareo, ka tsy mila hampianarin' olona ianareo; fa satria ny hosotra avy aminy no mampianatra anareo ny zavatra rehetra, sady marina, fa tsy lainga izany, dia tomoera ao aminy ianareo, araka ny nampianarany anareo. **28** Ary ankehitriny, anaka, tomoera ao aminy, mba hananantsika fahasahiana, raha hiseho Izy, ka tsy ho menatra eo anatrehany amin' ny fihaviany. **29** Raha fantatrareo fa marina Izy, dia fantaro fa izay rehetra manao ny marina no zanany naterany.

3 Endrey! manao ahoana ny fitiavana nasehon' ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak' Andriamanitra, sady izany tokoa isika! Koa noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao, satria tsy nahalala Ary izy. **2** Ry malala, ankehitriny aza dia zanak' Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa. **3** Ary izay rehetra manana izany fanantenana miorina aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy. **4** Izay rehetra manota no mandika ny lalàna; fa ny ota no fandikana ny

lalàna. **5** Ary fantatrareo fa Izy no naseho hanaisotra ny ota; ary tsy mba misy ota ao aminy. **6** Izay rehetra mitoetra ao aminy dia tsy manota; izay rehetra manota dia tsy nahita na nahalala Azy. **7** Anaka, aza avela hisy hamitaka anareo: izay manao ny marina no marina; eny, marina tahaka Azy. **8** Izay manota dia avy amin' ny devoly, satria ny devoly manota hatramin' ny voalohany. Izao no nisehoan' ny Zanak' Andriamanitra, dia ny handrava ny asan' ny devoly. **9** Izay rehetra naterak' Andriamanitra no tsy manota, satria ny voany mitoetra ao anatiny, ary tsy mahay manota izy, satria naretak' Andriamanitra. **10** Izany no mampiseho miharihary izay Zanak' Andriamanitra sy izay zanaky ny devoly. Tsy mba avy amin' Andriamanitra izay rehetra tsy manao ny marina sy izay tsy tia ny rahalahiny. **11** Fa izao no teny nampitondraina izay efa renareo hatramin' ny voalohany: tsy maintsy mifankatia isika, — **12** tsy mba tahaka an' i Kaina, izay avy tamin' ilay ratsy ka namono ny rahalahiny. Ary nahoana no namono azy izy? Satria ratsy ny asany, fa marina ny an' ny rahalahiny. **13** Aza gaga, ry rahalahy, raha halan' izao tontolo izao ianareo. **14** Fantatsika fa efa tafafindra niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana isika satria tia ny rahalahy. Izay tsy tia dia mitoetra ao amin' ny fahafatesana ihany. **15** Izay rehetra mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona; ary fantatrareo fa tsy mba misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao anatiny. **(aiōnios g166)** **16** Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy no nanolotra ny ainy hamonjy antsika; ary isika kosa mba tokony hanolotra ny aintsika hamonjy ny rahalahy. **17** Ary izay rehetra manam-pananana amin' izao fiainana izao, ary mahita ny fahantran' ny rahalahiny ka mihirim-belona aminy, ahoana no itoeran' ny fitiavana an' Andriamanitra ao anatiny? **18** Anaka, aoka tsy ho tia amin' ny teny na amin' ny lela isika, fa amin' ny asa sy amin' ny marina. **19** Izany no hahafantarantsika fa avy amin' ny marina isika sy hampahatokiantsika ny fontsika eo anatrehany, **20** na amin' inona na amin' inona no anamelohan' ny fontsika antsika, satria Andriamanitra lehibe noho ny fontsika ka mahalala ny zavatra rehetra. **21** Ry malala, raha tsy mba manameloka antsika ny fontsika, dia manana fahasahiana eo anatrehan' Andriamanitra isika. **22** Ary na inona na inona no angatahintsika dia raisintsika aminy, satria mitandrina ny didiny sy manao izay ankasitrahana eo imasony isika. **23** Ary izao no didiny, dia ny hinoantsika ny anaran' i Jesosy Kristy Zanany sy ny hifankatiavantsika araka ny didy nomeny antsika. **24** Ary izay mitandrina ny didiny no mitoetra ao aminy, ary Izy kosa ao aminy. Ary izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao amintsika Izy, dia ny Fanahy Izay nomeny antsika.

4 Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin' Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin' izao tontolo izao. **2** Izao no ahafantaranareo ny Fanahin' Andriamanitra: Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga tamin' ny nofo Jesosy Kristy no avy amin' Andriamanitra; **3** ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky an' i Jesosy dia tsy mba avy amin' Andriamanitra; ary izany no fanahin' ny antikristy, izay efa renareo fa ho avy, sady efa eo amin' izao tontolo izao sahady izy. **4** Anaka, ianareo dia avy amin' Andriamanitra ary efa naharesy ireny, satria lehibe Izay ao aminareo noho izay ao amin' izao tontolo izao. **5** Isan' izao tontolo izao ireny, ka dia miteny araka ny an' izao tontolo izao izy, ary mihaino azy izao tontolo izao. **6** Avy amin' Andriamanitra izahay; izay mahalala an' Andriamanitra no mihaino anay; Izay tsy avy amin' Andriamanitra tsy mba mihaino anay. Izany no ahafantarantsika ny fanahin' ny fahamarinana sy ny fanahin' ny fampiviliana. **7** Ry malala, aoka hifankatia isika; fa avy amin' Andriamanitra ny fitiavana, ary Izay rehetra tia no naterak' Andriamanitra sady mahalala an' Andriamanitra. **8** Izay tsy tia dia tsy mba mahalala an' Andriamanitra; fa Andriamanitra dia fitiavana. **9** Izao no nanehoana ny fitiavan' Andriamanitra antsika: Andriamanitra naniraka ny Zanani-lahy Tokana tamin' izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin' ny alalany. **10** Izao no fitiavana: tsy ny nitiavantsika an' Andriamanitra fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra' noho ny fahotantsika. **11** Ry malala, raha izany no nitiavan' Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika. **12** Tsy mbola nisy olona nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana. Raha mifankatia isika, dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany. **13** Izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao aminy isika, ary Izy ato amintsika, dia ny nanomezany antsika ny Fanahiny. **14** Ary izahay efa nahita ka manambara fa ny Ray efa naniraka ny Zanaka ho Mpamonjy izao tontolo izao. **15** Na iza na iza manaiky fa Zanak' Andriamanitra Jesosy, dia mitoetra ao aminy Andriamanitra, ary izy kosa ao amin' Andriamanitra. **16** Ary isika efa mahalala sy mino ny fitiavan' Andriamanitra antsika. Andriamanitra dia fitiavana; ary izay mitoetra amin' ny fitiavana no mitoetra ao amin' Andriamanitra, ary Andriamanitra ao aminy. **17** Izany no ahatanterahana ny fitiavana amintsika, mba hananantsika fahasahiana amin' ny andro fitsarana; fa tahaka Azy isika eo amin' izao tontolo izao. **18** Tsy manan-tahotra ny fitiavana; fa ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra; fa mampahory ny tahotra. Fa izay matahotra dia tsy mbola tanteraka amin' ny fitiavana. **19** Isika tia, satria Izy efa dia antsika taloha. **20** Raha misy manao hoe: Tia an' Andriamanitra aho, nefa mankahala ny rahalahiny, dia mpandainga izy; fa izay tsy tia ny rahalahiny izay hitany, hataony ahoana no fitia an' Andriamanitra Izay tsy hitany? **21** Ary izao no didy efa azontsika taminy: Izay tia an' Andriamanitra dia tsy maintsy tia ny rahalahiny koa.

5 Izay rehetra mino fa Jesosy no Kristy dia naterak' Andriamanitra; ary izay rehetra tia Izay niteraka dia tia izay naterany koa. **2** Izao no ahafantarantsika fa tia ireo zanak' Andriamanitra isika, dia ny itiavantsika an' Andriamanitra sy ny ankatoavantsika ny didiny. **3** Fa izao no fitiavana an' Andriamanitra, dia ny hitandremantsika ny didiny, sady tsy mavesatra ny didiny. **4** Fa izay rehetra naterak' Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia

ny finoantsika. **5** Iza moa no maharesy izao tontolo izao afa-tsy izay mino fa Jesosy no Zanak' Andriamanitra? **6** Izy ilay avy tamin' ny rano sy ny rà, dia Jesosy Kristy; tsy tamin' ny rano ihany, fa tamin' ny rano sy ny rà. Ary ny Fanahy no manambara, satria ny Fanahy no fahamarinana. **7** Fa misy telo izay manambara, **8** dia ny Fanahy sy ny rano ary ny rà; ary mifanaraka tsara izy telo. **9** Raha mandray ny fanambaran' ny olona isika, lehibe lavitra ny fanambaran' Andriamanitra; fa ny fanambaran' Andriamanitra dia ny nanambarany ny Zanany. **10** Izay mino ny Zanak' Andriamanitra no manana ny fanambarana ao anatiny; izay tsy mino an' Andriamanitra dia efa nampandainga Ary, satria tsy mino ny fanambarana izay nanambaran' Andriamanitra ny Zanany izy. **11** Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen' Andriamanitra antsika, ary ao amin' ny Zanany izany fiainana izany. **(aiōnios g166)** **12** Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak' Andriamanitra no tsy manana ny fiainana. **13** Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran' ny Zanak' Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo. **(aiōnios g166)** **14** Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy; **15** ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy. **16** Raha misy mahita ny rahalahiny manao ota tsy mahafaty, dia aoka hifona ho azy izy, ary Andriamanitra no hanome azy fiainana ho an' izay manao ota tsy mahafaty. Misy ota mahafaty; tsy mba lazaiko fa tokony hangataka ny amin' izany izy. **17** Ota avokoa ny tsi-fahamarinana rehetra; ary misy ota tsy mahafaty. **18** Fantatsika fa izay rehetra naterak' Andriamanitra dia tsy manota; fa izay naterak' Andriamanitra, dia miaro ny tenany ka tsy mikasika azy akory ilay ratsy. **19** Fantatsika fa avy amin' Andriamanitra isika, ary izao tontolo izao kosa dia mipetraka eo amin' ilay ratsy avokoa. **20** Ary fantatsika fa tonga ny Zanak' Andriamanitra ka efa nanome antsika ny fahazavan-tsaina, mba ho fantatsika ilay marina; ary isika ao amin' ilay marina, dia ao amin' i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina sy fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **21** Anaka, arovy ny tenanareo amin' ny sampy.

2 Jaona

1 Izaho loholona mamangy an' itompokovavy voafidy sy
ny zanany, izay tiako amin' ny fahamarinana (ary tsy
izaho ihany, fa izay rehetra mahalala ny marina koa) **2**
noho ny fahamarinana izay mitoetra ato anatintsika sady ho
ato amintsika mandrakizay: **(aiōn g165)** **3** ho amintsika ny
fahasoavana sy ny famindram-po ary ny fiadanana avy
amin' Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy, Zanaky ny Ray,
amin' ny fahamarinana sy ny fitiavana. **4** Faly indrindra aho,
satria misy hitako ny zanakao sasany mandeha amin' ny
fahamarinana araka ny nandraisantsika didy tamin' ny Ray.
5 Ary mangataka aminao aho ankehitriny, tompokovavy, tsy
toy ny manoratra didy vaovao aminao, fa ilay nananantsika
hatramin' ny voalohany ihany, dia aoka hifankatia isika. **6**
Ary izao no fitiavana, dia ny handehanantsika araka ny
didiny. Izany no didy, tahaka ny efa renareo hatramin' ny
taloha ihany, dia ny handehananareo aminy. **7** Fa maro ny
mpamitaka efa lasa any amin' izao tontolo izao, dia ireny
tsy manaiky fa efa tonga tamin' ny nofo Jesosy Kristy. Izy
no mpamitaka sy antikristy. **8** Mitandrema ianareo, fandrao
mahavery izay namonoanay tena, fa mba handraisanareo
valim-pitia tanteraka. **9** Izay rehetra mitarika nefa tsy
mitoetra ao amin' ny fampianaran' i Kristy, dia tsy manana
an Andriamanitra. Izay mitoetra ao amin' ny fampianarana,
dia izy no manana ny Ray sy ny Zanaka. **10** Raha misy
olona mankeo aminareo ka tsy mitondra izao fampianarana
izao, aza mampiantrano azy na miarahaba azy akory;
11 fa izay miarahaba azy dia miombona amin' ny ratsy
ataony. **12** Manana zavatra maro hosoratana aminareo
aho, nefa tsy tiako hatao amin' ny taratasy sy ny ranomainty
izany; fa manantena ho tonga atỳ aminareo aho ka hiteny
mifanatrika, mba ho tanteraka ny fifalianareo. **13** Ny zanaky
ny rahavavinao voafidy manao veloma anao.

3 Jaona

1 Izaho loholona mamangy an' i Galo, ilay malala, izay
tiako amin' ny fahamarinana. **2** Ry malala, mangataka
aho mba hambinina sy ho salama amin' ny zavatra rehetra
anie ianao, tahaka izay anambinana ny fanahinao ihany.
3 Fa faly indrindra aho, fony nisy rahalahy tonga ka
nanambara ny fahamarinanao, dia toy ny andehananao
araka ny fahamarinana. **4** Tsy manana fifaliana mihoatra
noho izao aho, dia ny andrenesako fa mandeha araka
ny fahamarinana ny zanako. **5** Ry malala, manao asa
mahatoky ianao na amin' inona na amin' inona ataonao
amin' ireo rahalahy ireo, na dia vahiny aza izy, **6** izay
nanambara ny fitiavanao teo anatrehan' ny fiangonana;
dia ho soa no ataonao, raha mamoaka azy koa araka izay
miendrika hatao noho ny amin' Andriamanitra ianao; **7** fa
noho ny Anarana no niangany, ka tsy naka na inona na
inona tamin' ny jentilisa izy. **8** Koa isika dia tokony handray
tsara izay toy izany, mba ho mpiara-miasa aminy amin' ny
fahamarinana. **9** Nanoratra tamin' ny fiangonana Ihany aho;
nefa Diotrefa, izay te-ho lohany, dia tsy mba mandray anay.
10 Koa amin' izany, raha tonga aho, dia hotsarovako izay
asa ataony, fa mibedibedy foana manaratsy anay izy; ary
tsy afa-po amin' izany ihany, fa ny tenany dia tsy mandray
ireo rahalahy ireo, ary izay ta-handray azy dia raràny sy
roahiny hiala amin' ny fiangonana. **11** Ry malala, aza ny
ratsy no alain-tahaka, fa ny tsara. Izay manao ny tsara
no avy amin' Andriamanitra; fa izay manao ny ratsy tsy
mba nahita an' Andriamanitra. **12** Demetrio dia tsara laza
amin' ny olona rehetra sy amin' ny fahamarinana koa; ary
izahay koa manambara izany, ary fantatrao fa marina ny
fanambaranay. **13** Nanana zavatra maro hosoratana aho,
nefa tsy tiako hosoratana aminao amin' ny ranomainty sy ny
penina; **14** fa manantena hahita anao faingana ihany aho,
dia hiteny mifanatrika isika. Ho aminao anie ny fiadanana.
Ny sakaiza atỳ manao veloma anao. Veloma amin' ny
sakaiza tsirairay araka ny anarany avy.

Joda

1 Joda, mpanompon' i Jesosy Kristy sady rahalahin' i Jakoba, mamangy izay olona voantso, malala ao amin' Andriamanitra Ray sy voatahiry ho an' i Jesosy Kristy; **2** hampitomboina ho anareo anie ny famindram-po sy ny fiadanana ary ny fitiavana. **3** Ry malala, raha manao izay zotom-po rehetra hanoratra aminareo aho hilaza ny amin' ny famonjena iombonantsika, dia nisy nahatery ahy hanoratra aminareo, hananatra mba hiezahanareo mafy hiaro ny finoana izay efa voatolotra indray mandeha monja ho an' ny olona masìna. **4** Fa misy olona sasany efa niditra misokosoko, izay voasoratra fahiny ho amin' izany fahamelohana izany, dia olona ratsy fanahy izay mamadika ny fahasoavan' Andriamanitsika ho fijejojejoana sady nandà ny Andrian-tokana, dia Jesosy Kristy Tompontsika. **5** Ary ta-hampahatsiaro anareo aho, na dia efa fantatrareo rahateo aza ny zavatra rehetra, fa rehefa novonjen' ny Tompo ho afaka tany Egypta ny olona, dia naringany ihany tao aorian' izany izay tsy nino. **6** Ary ny anjely izay tsy nitana ny anjara-fanapahany, fa nandao ny fonenany, dia voahazony amin' ny fatorana mandrakizay ao amin' ny maizina ho amin' ny andro fitsarana lehibe. **(aïdios g126)** **7** Ary toy izany koa, Sodoma sy Gomora mbamin' ny tanàna nanodidina azy, izay nijangajanga tahaka azy koa ka lasa nanaraka nofo hafa, dia aseho ho fananarana amin' ny iaretany fijaliana amin' ny afo maharitra mandrakizay. **(aiōnios g166)** **8** Kanefa toy izany koa, ireo dia manonofy ka mandoto ny nofo sady mandà ny manana fahalehibiazana ary miteny ratsy ny manana voninahitra. **9** Fa Mikaela arikanjely aza, raha niady tamin' ny devoly ka nifanditra ny amin' ny fatin' i Mosesy, dia tsy sahy niteny ratsy hahameloka azy, fa hoy izy: "Hananatra anao anie Jehovah". **10** Fa ireo kosa dia miteny ratsy izay zavatra rehetra tsy fantany akory; ary izay zavatra fantany fotsiny, tahaka ny fahalalan' ny biby tsy manan-tsaina kosa, no animbany ny tenany. **11** Hahita loza izy! fa efa nandeha tamin' ny lalan' i Kama, sady efa nimaona fatratra hanaraka ny fahadisoan' i Balama hahazoany tamby, ary efa ringana tamin' ny fiodinan' i Kora izy. **12** Ireo no harambato voasaron-drano eo amin' ny fanasam-pifankatiavanareo, raha miara-mihinana aminareo izy, dia mpiandry mamahan-tena, nefa tsy matahotra; rahona tsy misy rano, entin' ny rivotra, ireo; hazo fararano, nefa tsy misy voany, indroa maty, voafongotra; **13** onjan-dranomasina mitopatopa mamorivory ny fahamenarany; kintana mifindrafindra, ka voatahiry ho azy mandrakizay ny fahamaintisan' ny maizina. **(aiōn g165)** **14** Ary Enoka koa, ilay fahafito nandimby an' i Adama, dia efa naminany ny amin' ireny olona ireny ka nanao hoe: "Indro, tonga Jehovah mbamin' ny masiny tsy omby alinalina **15** hitsara ny olona rehetra sy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra ny asan' ny haratsiam-panahy rehetra, izay nataony tamin' ny haratsiam-panahiny sy ny teny sarotra rehetra izay nitenenan' ny mpanota ratsy fanahy hanohitra Azy." **16** Ireo dia mpimonomonona sy mpimoimoy, mandeha araka ny filany (ary ny vavany manao teny miavonavona loatra) ka mandoka olona mba hahazoany zavatra. **17** Fa tsarovinareo, ry malala, ny teny voalazan' ny Apostolin' i Jesosy Kristy Tompontsika fahiny; **18** fa efa nilaza taminareo hoe izy: Amin' ny andro farany dia hisy mpaniratsira, mandeha araka ny filan' ny haratsiam-panahiny. **19** Ireo no mahatonga fisarahana, dia olona araka ny nofo ihany, fa tsy mba manana ny Fanahy. **20** Fa ianareo kosa, ry malala, dia ataovy izay handrosoanareo amin' ny finoanareo masìna indrindra, ka mivavaha ao amin' ny Fanahy Masìna; **21** ary tehirizo ny tenanareo ao amin' ny fitiavan' Andriamanitra, miandry ny famindram-pon' i Jesosy Kristy Tompontsika ho fiainana mandrakizay. **(aiōnios g166)** **22** Ary amindrao fo ny sasany izay miahanahana; **23** ary ny sasany kosa sariho avy amin' ny afo no famonjy azy; ary ny sasany indray amindrao fo amin-tahotra, ka mankahalà na dia ny akanjo voapentimpentin' ny nofo aza. **24** Ary ho an' izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan' ny voninahiny amin' ny firavoravoana, **25** ho an' Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin' ny alalan i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin' ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)**

Apokalypsy

1 Ny Fanambaran' i Jesosy Kristy, izay nomen' Andriamanitra Azy, mba hasehony amin' ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana; ary naniraka ny anjeliny Izy hanambara amin' i Jaona mpanompony, **2** Izay nanambara ny tenin' Andriamanitra sy ny filazana an' i Jesosy Kristy, dia ny zavatra rehetra izay efa hitany. **3** Sambatra izay manaiky sy ny mihaino ny tenin' ity faminaniana ity ka mitandrina izay voasoratra ato anatiny; fa antomotra ny andro. **4** Jaona mamangy ny fiangonana fito any Asia: Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy; ary avy amin' ny Fanahy fito izay eo anoloan' ny seza fiandrianany; **5** ary avy amin' i Jesosy Kristy, Vavolombelona marina sy Lahimatoa amin' ny maty ary Lehiben' ny mpanjaka amin' ny tany. Ho an' izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin' ny fahotantsika tamin' ny ràny, **6** sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an' Andriamanitra Ray, — ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **7** Indro Izy avy amin' ny rahona; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy aza; ary hitomany Azy ny firenena rehetra ambonin' ny tany. Eny, Amena. **8** Izaho no Alfa sy Omega, hoy ny Tompo Andriamanitra, Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, dia ny Tsitoha. **9** Izaho Jaona, rahalahinareo sy namanareo amin' ny fahoriana ary amin' ny fanjakana sy ny faharetana ao amin' i Jesosy, dia tao amin' ny nosy atao hoe Patmo noho ny tenin' Andriamanitra sy ny filazana an' i Jesosy. **10** Voatsindrin' ny Fanahy tamin' ny Andron' ny Tompo aho ka nahare feo mahery teo ivohoko, toy ny feon' ny trompetra, **11** nanao hoe: Izay zavatra hitanao dia soraty eo amin' ny boky, ka ampitondray ho any amin' ny fiangonana fito, dia ho any Efesosy sy Smyrna sy Pergamosy sy Tyatira sy Sardisy sy Filadelfia ary Laodikia. **12** Dia nitodika aho nizaha ilay feo niteny tamiko. Koa rehefa nitodika aho, dia nahita fanaovan-jiro volamena fito; **13** ary teo afovoan' ny fanaovan-jiro dia nisy Anankiray tahaka ny Zanak' olona niakanjo akanjo lava hatrany an-tongony sady nisikina fisikinam-bolamena teo amin' ny tratrany. **14** Ary ny lohany sy ny volony dia fotsy tahaka ny volon' ondry fotsy, dia tahaka ny oram-panala, ary ny masony tahaka ny lelafo; **15** ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano, hoatra ilay voadio teo amin' ny fandrendrehana iny; ary ny feony toy ny firohondrohon' ny rano be. **16** Ary nitana kintana fito teny an-tànany ankavanana Izy; ary nisy sabatra maranitra roa lela nivoaka avy teo am-bavany; ary ny tarehiny dia tahaka ny masoandro mamirapiratra amin' ny heriny. **17** Ary raha nahita Azy aho, dia lavo niankohoka tahaka ny maty teo anoloan' ny tongony. Fa Izy nanendry ahy tamin' ny tànany ankavanana ka nanao hoe: Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany, **18** dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin' ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita. **(aiōn g165, Hadēs g86)** **19** Koa soraty izay zavatra efa hitanao, na izay zavatra ankehitriny, na izay zavatra mbola ho avy rahatrizay, **20** dia ny zava-miafina ny amin' ny kintana fito izay efa hitanao teny an-tanako ankavanana sy ny fanaovan-jiro volamena fito. Ny kintana fito dia ny anjelin' ny fiangonana fito: ary ny fanaovan-jiro fito dia fiangonana fito.

2 Soraty ho amin' ny anjelin' ny fiangonana any Efesosy. Izao no lazain' ilay miharona ny kintana fito eny an-tànany ankavanana sady mandeha eo afovoan' ny fanaovan-jiro volamena fito: **2** Fantatro ny asanao sy ny fikelezanao aina sy ny faharetanao ary ny tsi-fahazakanao izay mpanao ratsy; ary ianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly, kanjo tsy izy, ary hitanao fa mpandainga izy; **3** ary manana faharetana ianao ka niaritra noho ny anarako sady tsy reraka. **4** Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin' ny fitiavanao voalohany ianao. **5** Koa tsarovy izay nitoeranao fony tsy mbola lavo, dia mibebaha, ka manaova ny asa voalohany; fa raha tsy izany, dia ho avy aminao Aho ka hamindra ny fanaovan-jironao hiala amin' ny fitoerany, raha tsy mibebaka ianao. **6** Kanefa izao no toetranao: halanao ny asan' ny Nikolaïta, izay halako koa. **7** Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana. Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin' ny hazon' aina, izay eo amin' ny Paradisan' Andriamanitra. **8** Ary soraty ho amin' ny anjelin' ny fiangonana any Smyrna: Izao no lazain' ny Voalohany sy ny Farany, Izay efa maty, nefa velona indray: **9** Fantatro ny fahorianao sy ny fahantranao (nefa manan-karena ianao), ary ny fitenenan-dratsy ataon' izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa synagogan' i Satana. **10** Aza matahotra izay efa hiaretanao; indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-tranomaizina, mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana. Aoka ho mahatoky hatramin' ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satro-boninahitra fiainana. **11** Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana. Izay maharesy dia tsy hosimban' ny fahafatesana faharoa. **12** Ary soraty ho amin' ny anjelin' ny fiangonana any Pergamosy: Izao no lazain' ilay manana ny sabatra roa lela maranitra: **13** Fantatro izay onenanao, dia ao amin' ny itoeran' ny seza fiandrianan' i Satana; ary mitàna mafy ny anarako ianao ka tsy nandà ny finoana Ahy, na dia tamin' ny andron' i Antipasy martiorako aza, izay lehilahy nahatoky Ahy, dia ilay novonoina teo aminareo, teo amin' izay onenan' i Satana. **14** Kanefa manan-teny kely aminao Aho, fa misy eo aminao izay mitàna ny fampianaran' i Balama, ilay nanome fo an' i Balaka hanisy fahatafintohinana teo anoloan' ny Zanak' isiraely, hihinana hena naterina tamin' ny sampy sy hijangajanga. **15** Ary toy izany koa, misy eo aminao izay mitàna ny fampianaran' ny Nikolaïta tahaka ny an' ireny. **16** Koa dia mibebaha; fa raha tsy izany, dia ho avy aminao faingana Aho ka hamely ireo amin' ny sabatry ny vavako. **17** Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana. Izay maharesy dia homeko mana miafina sady homeko vato fotsy, ary eo amin' ny vato dia misy

anaram-baovao voasoratra, izay tsy fantatr' olona afa-tsy izay mandray azy ihany. **18** Ary soraty ho amin' ny anjelin' ny fiangonana any Tyatira: Izao no lazain' ny Zanak' Andriamanitra, Izay manana maso toy ny lelafo, ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano: **19** Fantatro ny asanao sy ny fitiavanao sy ny finoanao sy ny fanompoanao ary ny faharetanao, ary ny asanao farany dia be noho ny voalohany. **20** Kanefa manan-teny aminao Aho, satria ianao mandefitra amin' ilay vehivavy Jezebela, izay milaza ny tenany ho mpaminanivavy ka mampianatra sady manoloky ny mpanompoko hijangajanga sy hihinana hena naterina tamin' ny sampy. **21** Ary nomeko andro hibebahany izy, nefa tsy mety mibebaka amin' ny fijangajangany izy. **22** Indro, hampandamahiko eo am-pandriana izy, ary izay mijangajanga aminy dia hataoko ao amin' ny fahoriana lehibe, raha tsy hibebaka amin' ny asan-dravehivavy izy. **23** Ary hovonoiko amin' ny fahafatesana ny zanany; ary ny fiangonana rehetra hahalala fa Izaho no mandinika ny voa sy ny fo; ary homeko araka ny asanareo avy ianareo rehetra. **24** Fa aminareo izay sisa any Tyatira, dia izay tsy manana izany fampianarana izany sady tsy mba mahalala ny ataon' ireo hoe "sain-dalin' i Satana", dia izao no lazaiko: tsy hovesarako entana hafa ianareo; **25** kanefa izay anananareo dia tano mafy mandra-pihaviko. **26** Ary izay maharesy ka mitandrina ny asako hatramin' ny farany dia homeko fahefana amin' ny jentilisa; **27** ary hiandry azy amin' ny tehim-by izy ka hanorotoro azy toy ny fanorotoro vilany tany, dia araka izay efa noraisiko tamin' ny Raiko. **28** Ary homeko azy ny kintana fitarika andro. **29** Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana.

3 Ary soraty ho amin' ny anjelin' ny fiangonana any Sardisy: Izao no lazain' ilay manana ny Fanahy fiton' Andriamanitra sy ny kintana fito: Fantatro ny asanao, fa manana anarana ho velona ianao, kanjo maty ihany. **2** Miambena, ka aoreno tsara ny zavatra sisa izay saiky maty; fa tsy nisy hitako tanteraka ny asanao eo anatrehan' Andriamanitro. **3** Dia tsarovy ny amin' ny nandraisanao sy ny nandrenesanao, ary tano mafy, ka mibebaha. Koa raha tsy hiambina ianao, dia ho tonga toy ny fihavin' ny mpangalatra Aho, ka tsy ho fantatrao izay ora hihaviako aminao. **4** Kanefa misy olona vitsy atỳ aminao atỳ Sardisy izay tsy nandoto ny fitafiany; ary hiara-mandeha amiko mitafy lamba fotsy ireo, satria miendrika Izy. **5** Izay maharesy dia hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa, ary tsy hamono ny anarany eo amin' ny bokin' ny fiainana tokoa Aho, fa hanaiky ny anarany eo anatrehan' ny Raiko sy eo anatrehan' ny anjeliny. **6** Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana. **7** Ary soraty ho amin' ny anjelin' ny fiangonana any Filadelfia: Izao no lazain' izay masìna, Izay marina, Izay manana ny fanalahidin' i Davida, Izay mamoha ka tsy hisy hanidy, ary manidy ka tsy misy mamoha: **8** Fantatro ny asanao (indro, efa nasiako varavarana mivoha eo anatrehanao, ka tsy misy maharindrina azy), fa manana hery kely ihany ianao ka nitandrina ny teniko ary tsy mba nandà ny anarako. **9** Indro, alaiko ny sasany amin' ny synagogan' i Satana, izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa mandainga, indro, hataoko tonga hiankohoka eo anoloan' ny tongotrao ireo, ka ho fantany fa Izaho efa tia anao. **10** Satria efa nitandrina ny teniko ny amin' ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin' ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin' izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin' ny tany. **11** Ho avy faingana Aho; tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao. **12** Izay maharesy no hataoko andry eo amin' ny tempolin' Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran' Andriamanitro sy ny anaran' ny tanànan' Andriamanitro, dia Jerosalema vaovao, izay midìna avy any an-danitra avy amin' Andriamanitro, ary ilay anarako vaovao. **13** Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana. **14** Ary soraty ho amin' ny anjelin' ny fiangonana any Laodikia: Izao no lazain' ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izay niandohan' izao zavatra noharin' Andriamanitra izao: **15** Fantatro ny asanao, fa tsy mangatsiaka na mafana ianao; aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao. **16** Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia efa haloan' ny vavako ianao; **17** fa hoy ianao: Manan-karena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-javamahory; kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka; **18** dia manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin' ny afo, mba hanan-karena ianao, ary fitafiana fotsy hotafinao, mba tsy hisehoan' ny henatrao noho ny fitanjahana, ary odi-maso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao. **19** Izay rehetra tiako no anariko sy faizako; koa dia mazotoa ianao, ka mibebaha. **20** Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko. **21** Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin' ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin' ny Raiko eo ambonin' ny seza fiandrianany. **22** Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana.

4 Rehefa afaka izany, dia hitako fa, indro, nisy varavarana nivoha tany an-danitra; ary ilay feo voalohany izay efa reko dia tahaka ny an' ny trompetra niteny tamiko hoe: Miakara atỳ, dia hasehoko anao izay zavatra tsy maintsy ho avy rahatrizay. **2** Ary niaraka tamin' izay dia voatsindrin' ny Fanahy aho; ary indro seza fiandrianana nipetraka tany an-danitra, ary nisy Anankiray nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianana. **3** Ary ny tarehin' ilay nipetraka dia tahaka ny vato jaspy sy karneola; ary avana mitarehin' emeralda no nanodidina ny seza fiandrianana. **4** Ary manodidina ilay seza fiandrianana iray dia nisy seza fiandrianana efatra amby roa-polo; ary teo ambonin' ireo seza fiandrianana ireo dia nisy loholona efatra amby roa-polo nipetraka, nitafy fitafiana fotsy sady nisatroka satro-boninahitra volamena. **5** Ary nisy helatra sy feo ary kotrokorana nivoaka avy tamin' ny seza fiandrianana; ary nisy jiro fito nirehitra teo anoloan'

ny seza fiandrianana, dia Fanahy fiton' Andriamanitra ireo. **6** Ary teo anoloan' ny seza fiandrianana dia nisy toa ranomasina fitaratra tahaka ny vato krystaly; ary teo afovoan' ny seza fiandrianana sy manodidina azy nisy zava-manan' aina efatra feno maso avokoa ny anoloany sy ny ivohony. **7** Ary ny zava-manan' aina voalohany dia tahaka ny liona, ary ny zava-manan' aina faharoa dia tahaka ny zanak' omby, ary ny zava-manan' aina fahatelo dia manana tava tahaka ny tavan' olona, ary ny zava-manan' aina fahefatra dia tahaka ny voromahery manidina. **8** Ary ny zava-manan' aina efatra dia samy nanana elatra enina avy, sady feno maso ny tenany rehetra manodidina ka hatrao anatiny; ary tsy mitsahatra andro aman' alina izy manao hoe: Masìna, masìna, masìna ny Tompo Andriamanitra Tsitoha, Ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy. **9** Ary raha ny zava-manan' aina hanome voninahitra sy haja ary fisaorana ho an' ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana, dia Izay velona mandrakizay mandrakizay, **(aiōn g165)** **10** dia hiankohoka eo anoloan' izay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana ny loholona efatra amby roa-polo ka hivavaka amin' izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hanipy ny satro-boninahiny eo anoloan' ny seza fiandrianana ka hanao hoe: **(aiōn g165)** **11** Hianao, Tomponay sy Andriamanitray, no miendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; Fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, Ary noho ny sitraponao no nahanisy sy nahary azy.

5 Ary hitako fa, indro, nisy boky voasoratra tao anatiny sy teo ivohony, voapetaka mafy tamin' ny tombo-kase fito, teo an-tanana ankavanan' ilay nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianana. **2** Ary hitako fa, indro, nisy anjely mahery niantso tamin' ny feo mafy hoe: Iza no miendrika hanokatra ny boky sy hamaha ny tombo-kaseny? **3** Ary tsy nisy tany an-danitra, na tetỳ an-tany, na tany ambanin' ny tany, nahasokatra ny boky na nahajery azy. **4** Ary nitomany mafy aho, satria tsy nisy hita miendrika hanokatra ny boky na hijery azy. **5** Ary ny anankiray tamin' ny loholona nanao tamiko hoe: Aza mitomany; indro, ny Liona avy amin' ny firenen' i Joda, dia ny Solofon' i Davida, no efa naharesy ka hanokatra ny boky sy hamaha ny tombo-kaseny fito. **6** Ary hitako fa, indro, teo afovoan' ny seza fiandrianana sy ny zava-manan' aina efatra ary teo afovoan' ny loholona dia nisy Zanak' ondry nitsangana tahaka ny efa voavono, nanan-tandroka fito sy maso fito, dia ny Fanahy fiton' Andriamanitra nirahina hankany amin' ny tany rehetra. **7** Ary tonga Izy ka nandray ny boky teo an-tanana ankavanan' ilay nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianana. **8** Ary rehefa nandray ny boky Izy, ny zava-manana-aina efatra sy ny loholona efatra amby roa-polo dia niankohoka teo anatrehan' ny Zanak' ondry, sady samy nanana lokanga sy lovia volamena feno ditin-kazo manitra izy, dia vavaka ataon' ny olona masìna izany. **9** Ary nihira fihiram-baovao izy ka nanao hoe: Hianao no miendrika haka ny boky sy hamaha ny tombo-kaseny; Fa voavono Hianao, Ary ny ràna no nanavotanao ho an' Andriamanitra olona avy tamin' ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra; **10** Ary efa nataonao fanjakana sy mpisorona ho an' Andriamanitsika ireo; Ary manjaka ambonin' ny tany izy. **11** Ary nahita aho sady nandre feon' anjely maro manodidina ny seza fiandrianana sy ny zava-manan' aina ary ny loholona, ary ny Isany dia alinalina sy arivoarivo, **12** nanao tamin' ny feo mahery hoe: Ny Zanak' ondry, Izay novonoina, dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra. **13** Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay etỳ ambonin' ny tany sy any ambanin' ny tany, na izay any an-dranomasina mbamin' izay rehetra ao anatiny, dia reko samy nanao hoe: Ho an' ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana sy ho an' ny Zanak' ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. **(aiōn g165)** **14** Ary ny zava-manan' aina efatra nanao hoe: Amena. Ary ny loholona dia niankohoka ka nivavaka.

6 Ary nahita aho, rehefa novahan' ny Zanak' ondry ny anankiray tamin' ny tombo-kase fito, ary reko ny anankiray tamin' ny zava-manan' aina efatra, tahaka ny fikotrokotroky ny kotrokorana, nanao hoe: Avia. **2** Ary hitako fa, indro, nisy soavaly fotsy; ary izay nitaingina azy dia nanana tsipìka; ary nomena satro-boninahitra izy; dia nivoaka izy ka naharesy sady mbola haharesy. **3** Ary rehefa novahany ny tombo-kase faharoa, dia reko ny zava-manan' aina faharoa nanao hoe: Avia. **4** Dia nisy soavaly hafa mena kosa nivoaka; ary izay nitaingina azy dia navela hanaisotra ny fihavanana amin' ny tany mba hifamonoan' ny olona; ary nomena sabatra lehibe izy. **5** Ary rehefa novahany ny tombo-kase fahatelo, dia reko ny zava-manan' aina fahatelo nanao hoe: Avia. Ary hitako fa, indro, nisy soavaly mainty: ary izay nitaingina azy nitondra mizàna teny an-tànany. **6** Ary nahare aho, ka toa nisy feo teo afovoan' ny zava-manan' aina efatra nanao hoe: venty ny vary tritika eran' ny fatam-bary kely, ary venty koa ny vary hordea intelon' ny fatam-bary; ary aza manimba ny diloilo na ny divay ianao. **7** Ary rehefa novahany ny tombo-kase fahefatra, dia reko ny feon' ny zava-manan' aina fahefatra nanao hoe: Avia. **8** Ary hitako fa, indro, nisy soavaly hatsatra, ary ny anaran' izay nitaingina ary atao hoe Fahafatesana, ary ny Fiainan-tsi-hita nanaraka azy. Ary nomena fahefana tamin' ny ampahefatry ny tany ireo hamono amin' ny sabatra sy ny mosary sy ny fahafatesana sy ny bibi-dia etỳ an-tany. **(Hadēs g86)** **9** Ary rehefa novahany ny tombo-kase fahadimy, dia hitako teo ambanin' ny alitara ny fanahin' izay voavono noho ny tenin' Andriamanitra sy ny filazana izay nohazoniny. **10** Ary niantso tamin' ny feo mahery izy nanao hoe: Tompo masìna sy marina Ô, mandra-pahoviana no tsy hitsaranao sy hamalianao ny ranay amin' izay monina eny ambonin' ny tany? **11** Ary samy nomena akanjo fotsy lava izy rehetra; ary nasaina niala sasatra kely aloha izy mandra-pahatapitry ny mpanompo namany sy ny rahalahiny, izay efa hovonoina tahaka azy koa. **12** Ary nahita aho, rehefa novahany ny tombo-kase fahenina, dia nisy horohorontany mafy; ary tonga mainty tahaka ny lamba volon' osy fisaonana ny masoandro, ary tonga tahaka ny rà avokoa ny volana. **13** Ary ny kintana tamin' ny lanitra dia niraraka tamin' ny

tany, toy ny aviavy manintsana ny voany manta, raha hozongozonin' ny rivotra mahery izy. **14** Dia lasa tahaka ny taratasy voahorona ny lanitra, ary ny tendrombohitra sy ny nosy rehetra dia nafindra niala tamin' ny fitoerany. **15** Ary ny mpanjakan' ny tany sy ny lehibe sy ny mpifehy arivo sy ny mpanankarena sy ny lehilahy mahery mbamin' ny andevo rehetra sy ny tsy andevo rehetra dia niery tao amin' ny lavaka sy tao amin' ny vatolampy eny an-tendrombohitra; **16** ary hoy izy tamin' ny tendrombohitra sy ny vatolampy; Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin' ny tavan' ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana sy amin' ny fahatezeran' ny Zanak' ondry; **17** fa tonga ny andro lehiben' ny fahatezeran' ireo, ka iza no mahajanona?

7 Rehefa afaka izany, dia hitako fa, indreo, nisy anjely efatra nitsangana teo amin' ny vazan-tany efatra, nihazona ny rivotra efatra amin' ny tany, mba tsy nisy rivotra hitsoka amin' ny tany, na amin' ny ranomasina, na amin' ny hazo akory aza. **2** Ary hitako fa, indro, nisy anjely hafa koa niakatra avy tany amin' ny fiposahan' ny masoandro, nanana ny fanombohan-kasen' Andriamanitra velona; ary iry niantso ny anjely efatra izay navela hanimba ny tany sy ny ranomasina tamin' ny feo mahery nanao hoe: **3** Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo, mandra-panisinay tombo-kase eo anin' ny handrin' ny mpanompon' Andriamanitsika. **4** Ary nahare ny isan' izay voaisy tombo-kase aho: efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy no voaisy tombo-kase avy tamin' ny firenen' ny Zanak' isiraely rehetra. **5** Avy tamin' ny firenen' i Joda roa arivo amby iray alina no voaisy tombo-kase. Avy tamin' ny firenen' i Robena roa arivo amby iray alina. Avy tamin' ny firenen' i Gada roa arivo amby iray alina. **6** Avy tamin' ny firenen' i Asera roa arivo amby iray alina. Avy tamin' ny firenen' i Naftaly roa arivo amby iray alina. Avy tamin' ny firenen' i Manase roa arivo amby iray alina. **7** Avy tamin' ny firenen' i Simeona roa arivo amby iray alina. Avy tamin' ny firenen' i Levy roa arivo amby iray alina. Avy tamin' ny firenen' Isakara roa arivo amby iray alina. **8** Avy tamin' ny firenen' i Zebolona roa arivo amby iray alina. Avy tamin' ny firenen' i Josefa roa arivo amby iray alina. Avy tamin' ny firenen' i Benjamina roa arivo amby iray alina no voaisy tombo-kase. **9** Rehefa afaka izany dia hitako fa, indreo, nisy olona betsaka tsy tambo isaina avy tamin' ny firenena rehetra sy ny fokom-pirenena sy ny olona ary ny samy hafa fiteny nitsangana teo anoloan' ny seza fiandrianana sy teo anatrehan' ny Zanak' ondry, niakanjo akanjo fotsy lava sady nitana sampan-drofia teny an-tànany, **10** dia niantso tamin' ny feo mahery izy nanao hoe: Ny famonjena anie ho an' Andriamanitsika, Izay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana, sy ho an' ny Zanak' ondry. **11** Ary ny anjely rehetra nitsangana manodidina ny seza fiandrianana mbamin' ny loholona sy ny zava-manan' aina efatra, dia niankohoka teo anoloan' ny seza fiandrianana izy ka nivavaka tamin' Andriamanitra **12** nanao hoe: Amena! Ny saotra sy ny voninahitra sy ny fahendrena sy ny fisaorana sy ny haja sy ny hery ary ny faherezana anie Ho an' Andriamanitsika mandrakizay mandrakizay. Amena. **(aiōn g165)** **13** Ary ny anankiray tamin' ny loholona namaly ka nanao tamiko hoe: Iza moa ireo miakanjo akanjo fotsy lava? Ary avy taiza izy? **14** Fa hoy iraho taminy: Tompoko, ianao no mahalala. Dia hoy iry tamiko: Ireo no avy tamin' ny fahoriana lehibe, ary ny akanjony nosasany sy nofotsiany tamin' ny ran' ny Zanak' ondry. **15** Ary noho izany ny akanjony nosasany sy mitoetra eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra izy ka manompo Azy andro aman' alina eo amin' ny tempoliny; ary Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana dia hamelatra ny trano-lainy handrakotra ary. **16** Tsy ho noana na hangetaheta intsony ireo; ary tsy haninona azy ny masoandro na izay hafanana akory. **17** Fa ny Zanak' ondry Izay eo afovoan' ny seza fiandrianana no ho Mpiandry azy ka hitondra azy ho amin' ny loharanon' ny ranon' aina; ary hofafan' Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin' ny masony.

8 Ary rehefa novahany ny tombo-kase fahafito, dia nangina tokony ho antsasaky ny ora ny tany an-danitra. **2** Ary hitako ny anjely fito izay mitsangana eo anatrehan' Andriamanitra; ary nomena trompetra fito ireo. **3** Ary nisy anjely anankiray koa tonga ka nitsangana teo ambonin' ny alitara ary nitondra lovia volamena fandoroana ditin-kazo manitra; ary nomena ditin-kazo manitra betsaka iry, hanaterany azy mbamin' ny vavaky ny olona masìna rehetra eo ambonin' ny alitara volamena fandoroana ditin-kazo manitra, izay eo anoloan' ny seza fiandrianana. **4** Ary ny fofon' ny ditin-kazo manitra mbamin' ny vavaky ny olona masìna dia niakatra avy eo an-tànan' ny anjely ho eo anatrehan' Andriamanitra. **5** Ary ny anjely nandray ny lovia fandoroana ditin-kazo manitra, dia nameno azy tamin' ny afo teo amin' ny alitara ka nanipy izany tamin' ny tany; dia nisy kotrokorana sy feo sy helatra ary horohorontany. **6** Ary ny anjely fito izay nanana ny trompetra fito dia niomana hitsoka. **7** Ary ny voalohany nitsoka, dia nisy havandra sy afo miharoharo rà, ka nararaka tamin' ny tany irany; ary may ny ampahatelon' ny tany, ary may ny ampahatelon' ny hazo, ary may koa ny ahi-maitso rehetra. **8** Ary ny anjely faharoa nitsoka, dia nisy toa tendrombohitra lehibe mirehitra afo natsipy tany an-dranomasina; ary tonga rà ny ampahatelon' ny ranomasina; **9** ary maty ny ampahatelon' ny zava-manan' aina tao an dranomasina; ary rava ny ampahatelon' ny sambo. **10** Ary ny anjely fahatelo nitsoka, dia nisy kintana lehibe mirehitra toy ny fanilo latsaka avy tany an-danitra; ny latsaka tamin' ny ampahatelon' ny ony sy tamin' ny loharano izany; **11** ary ny anaran' ilay kintana dia atao hoe Zava-mangidy; dia tonga mangidy ny ampahatelon' ny rano; ary maro ny olona no matin' ny rano, satria efa nangidy izany. **12** Ary ny anjely fahefatra nitsoka, dia nasiana ny ampahatelon' ny masoandro sy ny ampahatelon' ny volana ary ny ampahatelon' ny kintana rehetra, mba ho maizina ny ampahatelony, ka tsy hazava ny ampahatelon' ny andro, mba ho toy izany koa ny alina. **13** Dia nahita ny nahare voromahery anankiray nanidina teny afovoan' ny lanitra aho, izay nanao tamin' ny feo mahery hoe: Loza, loza, loza ho an' izay monina eny ambonin' ny

tany noho ny feo sisa an' ny trompetry ny anjely telo izay efa hitsoka!

9 Ary ny anjely fahadimy nitsoka, dia hitako fa, indro, nisy kintana anankiray avy tany an-danitra latsaka tamin' ny tany; ary nomena ilay anjely ny fanalahidin' ny lavaka tsy hita noanoa. **(Abyssos g12)** **2** Ary nanokatra ny lavaka tsy hita noanoa izy, dia nisy setroka niakatra ary tamin' ny lavaka, tahaka ny setroka ary amin' ny lafaoro lehibe, ary tonga maizina ny masoandro sy ny habahabaka noho ny setroka avy tao amin' ny lavaka. **(Abyssos g12)** **3** Ary nisy valala nivoaka avy tamin' ny setroka nankamin' ny tany; ary nomena hery ireny, tahaka ny herin' ny maingoka amin' ny tany. **4** Ary nilazana izy mba tsy hanimba ny ahitra amin' ny tany, na ny zava-maitso, na ny hazo akory aza, fa ny olona izay tsy manana ny tombo-kasen' Andriamanitra eo amin' ny handriny ihany. **5** Nefa tsy navela hahafaty ary izy, fa ny hampanaintaina ary dimy volana; ary ny fampanaintainany dia tahaka ny fampanaintainan' ny maingoka, raha mamely olona. **6** Ary amin' izany andro izany dia hitady fahafatesana ny olona, fa tsy hahita; ary haniry ho faty izy, fa mandositra ary ny fahafatesana. **7** Ary ny endriky ny valala dia tahaka ny soavaly voaomana ho enti-miady; ary tamin' ny lohany nisy satro-boninahitra toy ny volamena, ary ny tavany tahaka ny tavan' olona. **8** Ary nanam-bolo tahaka ny volombehivavy izy, ary ny nifiny tahaka ny an' ny liona. **9** Ary nanam-piarovan-tratra tahaka ny fiarovan-tratra vy izy; ary ny fikopakopaky ny elany dia tahaka ny fikotrokotroky ny kalesy entin' ny soavaly betsaka miriotra ho amin' ny ady. **10** Ary manan-drambo tahaka ny maingoka izy sady misy fanindronana; ary amin' ny rambony no misy ny heriny hampahoriany ny olona dimy volana. **11** Ary manana ny anjelin' ny lavaka tsy hita noanoa ho mpanjakany izy; ny anarany amin' ny teny Hebreo dia Abadona, fa amin' ny teny Grika kosa dia Apolyona no anarany. **(Abyssos g12)** **12** Lasa ny loza anankiray; indreo, ho avy ny loza roa hafa koa, rehefa afaka izao. **13** Ary ny anjely fahenina nitsoka, dia nahare feo ary tamin' ny tandroky ny alitara volamena eo anatrehan' Andriamanitra aho, **14** nanao tamin' ny anjely fahenina, izay nanana ny trompetra, hoe: Vahao ny anjely efatra izay mifatotra any Eofrata, ony lehibe. **15** Dia novahana ny anjely efatra izay voaomana ho amin' ny ora sy ny andro sy ny volana ary ny taona mba hahafaty ny ampahatelon' ny olona. **16** Ary ny isan' ny miaramila antsoavaly dia roa alinalina; nahare ny isany aho. **17** Ary toy izao no nahitako ny soavaly teo amin' ny fahitana sy izay nitaingina azy: manana-piarovan-tratra tahaka ny afo sy ny setroka ary ny solifara izy; ary ny lohan' ny soavaly dia tahaka ny lohan' ny liona; ary misy afo sy setroka ary solifara mivoaka ary amin' ny vavany. **18** Ireo loza telo loha ireo, dia ny afo sy ny setroka ary ny solifara izay nivoaka ary tamin' ny vavany, no nahafaty ny ampahatelon' ny olona. **19** Fa ny herin' ny soavaly dia eo amin' ny vavany sy ny rambony; fa ny rambony dia tahaka ny menarana sady manan-doha, ka ireny no entiny mampahory. **20** Nefa ny olona sisa, izay tsy matin' ireo loza ireo, dia tsy nibebaka hiala tamin' ny asan' ny tànany, mba tsy hivavaka amin' ny demonia sy ny sampy volamena sy volafotsy sy varahina sy vato ary hazo, izay tsy mahajery, na mahare, na afamamindra; **21** ary tsy nibebaka tamin' ny namonoany olona izy, na tamin' ny nanaovany ody ratsy, na tamin' ny fijangajangany, na tamin' ny halatra nataony koa.

10 Ary hitako fa, indro, nisy anjely mahery anankiray koa, nidina ary tany an-danitra sady nitafy rahona; ary ny avana dia teo amin' ny lohany, ary ny tavany dia tahaka ny masoandro, ary ny tongony tahaka ny andry afo, **2** ary nitàna boky kely nivelatra teny an-tanany izy; ary nabahany ny tongony, ka ny ankavanany tamin' ny ranomasina, ary ny ankaviany tamin' ny tany; **3** ary niantso tamin' ny feo mahery izy, tahaka ny fieron' ny liona; ary nony niantso izy, dia nikotroka ny kotrokorana fito. **4** Ary rehefa nikotroka ny kotrokorana fito, dia efa hanoratra aho, kanjo nahare feo avy tany an-danitra aho nanao hoe: Asio tombo-kase izay efa notononin' ny kotrokorana fito, fa aza soratana. **5** Ary ny anjely, ilay efa hitako, dia nitsangana teo ambonin' ny ranomasina sy teo ambonin' ny tany, ka nanangana ny tànany ankavanana ho amin' ny lanitra **6** ary nianiana tamin' izay velona mandrakizay mandrakizay, dia Ilay nahary ny lanitra sy ny ao aminy ary ny tany sy ny ao aminy ary ny ranomasina sy ny ao aminy fa tsy hisy andro intsony; **(aiōn g165)** **7** fa amin' ny andro hitsofan' ny anjely fahafito, rehefa hitsoka izy, dia ho tanteraka ny zava-miafina izay an' Andriamanitra, araka ny teny soa mahafaly nambarany tamin' ny mpaminany mpanompony **8** Ary ny feo izay efa reko avy tany an-danitra dia niteny tamiko indray hoe: Mandehana, raiso ilay boky mivelatra eny an-tànan' ny anjely mitsangana eo ambonin' ny ranomasina sy eo ambonin' ny tany. **9** Dia nankany amin' ny anjely aho ka nanao taminy hoe: Omeo ahy iny boky kely iny. Ary hoy izy tamiko: Raiso, ka hano avokoa io; dia hampangidy ny kibonao izy, nefa eo am-bavanao dia ho mamy tahaka ny tantely. **10** Dia noraisiko ilay boky kely teny an-tanan' ny anjely ka nohaniko avokoa; ary raha nataoko teo am-bavako izy, dia mamy tahaka ny tantely, kanjo nony voateliko, dia nangidy ny kiboko. **11** Ary nisy nilaza tamiko hoe: Tsy maintsy maminany indray ianao ny amin' ny olona maro sy ny firenena maro sy ny fiteny maro ary ny mpanjaka maro.

11 Ary nomena volotara tahaka ny tehina aho, ka nisy nilaza tamiko hoe: Mitsangàna, ka refeso ny tempolin' Andriamanitra sy ny alitara, ary isao izay mivavaka ao. **2** Fa ny kianja eo ivelan' ny tempoly dia avelao ihany, fa aza mba refesina; fa nomena ny jentilisa izany, ka hanitsaka ny tanàna masìna roa amby efa-polo volana izy. **3** Ary homeko hery ny vavolombeloko roa, ka haminany enimpolo amby roan-jato amby arivo andro izy, sady hitafy lamba fisaonana. **4** Ireo ilay hazo oliva roa sy ilay fanaovan-jiro roa, izay mitsangana eo anatrehan' ny Tompon' ny tany. **5** Ary raha misy ta-handratra ireo, dia misy afo mivoaka amin' ny vavany ka mandany ny fahavalony; ary rana misy ta-handratra ireo, dia tsy maintsy hovonoina toy izany koa izy. **6** Ireo dia manam-pahefana handrindrina ny lanitra, mba tsy hilatsahan' ny ranonorana amin' ny

andro aminaniany; ary manam-pahefana amin' ny rano koa izy hampody azy ho rà sy hamely ny tany amin' ny loza araka izay andro tiany na oviana na oviana. **7** Ary rehefa tanteraka ny filazany, dia hiady aminy kosa ilay bibi-dia miakatra avy amin' ny lavaka tsy hita noanoa ka haharesy sy hahafaty azy. **(Abyssos g12)** **8** Ary ny fatiny hiampatra eny an-dalambe amin' ny tanàna lehibe, izay atao, araka ny hevi-panahy, hoe Sodoma sy Egypta, sady tao koa no nanomboana ny Tompony tamin' ny hazo fijaliana. **9** Ary ny olona sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena maro dia misy mijery ny fatiny hateloan' andro sy tapany; ary tsy avelany halevina ao am-pasana ny fatiny. **10** Ary ny mponina ambonin' ny tany mifaly azy ka ravoravo, ary hifanati-javatra izy, satria nampangirifiry ny mponina ambonin' ny tany ireo mpaminany roa ireo. **11** Ary rehefa afaka ny hateloan' andro sy tapany, dia nisy fanahin' aina avy tamin' Andriamanitra niditra tao anatin' ireo, ary nijoro tamin' ny tongony izy, ka raiki-tahotra indrindra izay nahita azy. **12** Ary nahare feo mahery avy tany an-danitra izy roa nanao taminy hoe: Miakara atỳ. Dia niakatra ho any an-danitra tao anatin' ny rahona ireo; ary nahatsinjo azy ny fahavalony. **13** Ary tamin' izany ora izany dia nisy horohorontany mafy, ka rava ny ampahafolon' ny tanàna, ary maty tamin' izany horohorontany izany ny olona fito arivo; ary raiki-tahotra ny olona sisa ka nanome voninahitra an' Andriamanitry ny lanitra. **14** Lasa ny loza faharoa; indro, avy faingana ny loza fahatelo. **15** Ary ny anjely fahafito nitsoka, dia nisy feo mafy tany an-danitra nanao hoe: Ny fanjakana amin' izao tontolo izao dia efa lasan' ny ny Tompontsika sy ny Kristiny; ary Izy no hanjaka mandrakizay mandrakizay. **(aiōn g165)** **16** Ary ny loholona fatra amby roa-polo, izay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianany eo anatrehan' Andriamanitra, dia niankohoka ka nivavaka tamin' Andriamanitra **17** nanao hoe: Misaotra Anao izahay, Tompo Ô, Andriamanitra Tsitoha, Ilay ankehitriny sy taloha, Satria nasehonao ny herinao lehibe, ka efa manjaka Hianao. **18** Ary tezitra ny firenena maro, ary tonga ny fahatezeranao Sy ny fotoana hitsarana ny maty, sy hanomezana valim-pitia ny mpaminany mpanomponao sy ny olona masìna ary izay matahotra ny anaranao, na kely na lehibe, ary mba hanimbanao izay manimba ny tany. **19** Ary novohana ny tempolin' Andriamanitra any an-danitra, ka hita ny fiaran' ny fanekeny teo anatin' ny tempoliny; ary nisy helatra sy feo sy kotrokorana sy horohorontany ary havandra vaventy.

12 Ary nisy famantarana lehibe hita tany an-danitra, dia vehivavy mitafy ny masoandro, ary ny volana no eo ambanin' ny tongony, ary misy satro-boninahitra kintana roa ambin' ny folo amin' ny lohany, **2** sady bevohoka izy; ary mihetsi-jaza izy ka mitaraina, satria marary fatratra efa hiteraka. **3** Ary nisy famantarana hafa koa hita tany an-danitra, ka, indro, nisy dragona mena lehibe manan-doha fito sy tandroka folo, ary misy diadema fito amin' ny lohany. **4** Ary ny rambony dia manala ny ampahatelon' ny kintana amin' ny lanitra ka manjera ireny ho amin' ny tany; ary ny dragona nijanona teo anatrehan' ilay vehivavy efa hiteraka mba handrapaka ny zanany, raha vao teraka; **5** ary niteraka zazalahy izy, izay efa hanapaka ny firenena rehetra amin' ny tehim-by; ary ny zanany novonjena faingana nakarina ho any amin' Andriamanitra, dia ho any amin' ny seza fiandrianany. **6** Ary ravehivavy kosa nandositra nankany an-efitra, izay nisy fitoerany namboarin' Andriamanitra, mba hovelomina any enim-polo amby roan-jato amby arivo andro izy. **7** Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin' ilay dragona; ary ilay dragona mbamin' ny anjeliny kosa dia niady, **8** nefa tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra. **9** Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin' ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy. **10** Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe: Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan' Andriamanitsika, Ary ny fahefan' ny Kristiny, Satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika, dia ilay miampanga azy eo anatrehan' Andriamanitsika andro aman' alina. **11** Ary izy ireo naharesy azy noho ny amin' ny ran' ny Zanak' ondry Sy ny teny filazana Azy, Ary tsy nankamamy ny ainy intsony iry, na dia ho faty aza. **12** Ary noho izany mifalia, ry lanitra sy ianareo izay monina ao aminy. Loza ho an' ny tany sy ny ranomasina! Fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, Satria fantany fa kely sisa ny androny. **13** Ary rehefa hitan' ilay dragona fa nazera tamin' ny tany izy, dia nanenjika ilay vehivavy niteraka ny zazalahy izy. **14** Ary ilay vehivavy nomena ny elatra roa an' ny voromahery lehibe hanidinany ho any an-efitra, ho any amin' ny fitoerany, izay itaizana azy fetr' andro iray sy fetr' andro roa ary antsasaky ny fetr' andro, mba tsy ho hitan' ilay menarana izy. **15** Ary ilay menarana namoaka rano tamin' ny vavany, toy ny riaka, hanaraka an-dravehivavy, mba hindaosin' ny riaka iry. **16** Nefa ny tany namonjy an-dravehivavy, fa nivava ny tany ka nitelina ny riaka izay navoaky ny dragona tamin' ny vavany. **17** Dia tezitra tamin' ilay vehivavy ny dragona ka lasa nandeha hiady tamin' ny zanany sisa, izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy mitana ny filazana an' i Jesosy. Ary nitsangana teo ambonin' ny fasiky ny ranomasina izy.

13 Ary hitako fa, indro, nisy bibi-dia niakatra avy tamin' ny ranomasina, nanan-tandroka folo sy loha fito, ary tamin' ny tandrony dia nisy diadema folo; ary tamin' ny lohany dia nisy anarana fitenenan-dratsy. **2** Ary ny bibi-dia izay efa hitako dia tahaka ny leoparda, ary ny tongony tahaka ny an' ny bera, ary ny vavany tahaka ny vavan' ny liona; ary ilay dragona nanome azy ny heriny sy ny seza fiandrianany ary fahefana lehibe. **3** Ary hitako ny lohany anankiray, izay toa voa ka efa ho faty; nefa sitrana ihany ilay feriny saiky nahafaty azy; ary gaga ny tany rehetra nanaraka ilay bibi-dia. **4** Ary dia niankohoka teo anoloan' ilay dragona ireo, satria izy no nanome ny fahefana ho an' ny bibi-dia; ary niankohoka teo anoloan' ny bibi-dia koa ireo ka nanao hoe: Iza no tahaka ny bibi-dia? ary iza no mahay miady aminy? **5** Dia nomena lela miteny zavatra mihoapampana sy fitenenan-dratsy izy, ary nomena fahefana mba hiasa roa amby efa-polo volana. **6**

Ary nanokatra ny vavany hiteny ratsy an' Andriamanitra izy, dia ny hiteny ratsy ny anarany sy ny tabernakeliny, dia ireo mitoetra any an-danitra. **7** Ary navela hiady tamin' ny olona masìna izy ka haharesy azy; ary nomena fahefana tamin' ny fokom-pirenena sy ny olona sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena rehetra iry. **8** Ary hiankohoka eo anoloany ny olona rehetra monina ambonin' ny tany, dia izay tsy manana ny anarany voasoratra eo amin' ny bokin' ny fiainan' ny Zanak' ondry, izay voavono hatramin' ny nanorenana izao tontolo izao. **9** Raha misy manan-tsofina, aoka izy hihaino. **10** Raha misy mamabo, dia mba hobaboina kosa izy; ary raha misy mamono amin' ny sabatra, dia tsy maintsy hovonoina amin' ny sabatra kosa izy. Indro ny faharetana sy ny finoan' ny olona masìna. **11** Ary hitako fa, indro, nisy bibi-dia iray koa niakatra avy tamin' ny tany; ary nanan-tandroka roa tahaka ny an' ny zanak' ondry izy sady niteny tahaka ny dragona. **12** Ary ny fahefana rehetra nananan' ilay bibi-dia voalohany dia asehony eo anatrehany, ary ny tany mbamin' izay monina eo dia asainy miankohoka eo alohan' ilay bibi-dia voalohany, izay efa sitrana tamin' ilay feriny saiky nahafaty azy. **13** Ary manao famantarana lehibe izy, ka dia mampidina afo avy any an-danitra ho amin' ny tany eo imason' ny olona aza. **14** Ary mamitaka izay monina ambonin' ny tany izy amin' ny famantarana izay nomena ary hatao eo imason' ny bibi-dia, sady milaza amin' izay monina ambonin' ny tany koa mba hanao sary ho an' ny bibi-dia, izay voan' ny sabatra, nefa velona ihany. **15** Ary navela hanisy aina ny sarin' ny bibi-dia izy, mba hahateny ny sarin' ny bibi-dia, ary hampamono izay rehetra tsy mety miankohoka eo anoloan' ny sarin' ny bibi-dia. **16** Ary ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo, dia ampandraisiny marika eo amin' ny tànany ankavanana na eo amin' ny handriny avokoa, **17** mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran' ny bibi-dia, na ny isan' ny anarany. **18** Indro ny fahendrena. Aoka izay manan-tsaina hanisa ny isan' ny bibi-dia, fa fanisan' olona izany; ary enina amby enim-polo amby enin-jato no isany.

14 Ary hitako fa, indro, ny Zanak' ondry nitsangana teo an-tendrombohitra Ziona, ary nisy efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy nomba Ary, samy manana ny anarany sy ny anaran' ny Rainy voasoratra eo amin' ny handriny. **2** Ary nahare feo avy tany an-danitra aho, tahaka ny firohondrohon' ny rano be sy tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy; ary ny feo izay reko dia tahaka ny an' ny mpitendry lokanga mitendry ny lokangany. **3** Ary mihira toa tonon-kira vaovao eo anoloan' ny seza fiandrianana sy eo anatrehan' ny zava-manan' aina efatra sy ny loholona izy; ary tsy nisy nahay nianatra izany fihirana izany, afa-tsy ny efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy izay navotana niala tamin' ny tany. **4** Ireo no tsy voaloto tamin' ny vehivavy, fa virijina izy. Ireo no manaraka ny Zanak' ondry na aiza na aiza no alehany. Ireo no navotana avy tamin' ny olona ho voaloham-bokatra ho an' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry. **5** Ary tsy nisy lainga hita teo am-bavany, sady tsy manan-tsiny izy. **6** Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan' ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin' izay monina ambonin' ny tany sy amin' ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra, **(aiōnios g166)** **7** nanao tamin' ny feo mahery hoe: Matahora an' Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan' izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano. **8** Ary nisy iray koa, dia anjely faharoa, nanaraka ka nanao hoe: Rava! rava Babylona lehibe! izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain' ny fahatezerana noho ny fijangajangany. **9** Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanaraka ireny ka nanao tamin' ny feo mahery hoe: Raha misy miankohoka eo anoloan' ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin' ny handriny na amin' ny tànany, **10** dia izy koa no hisotro ny divain' ny fahatezeran' Andriamanitra, izay naidina tao anatin' ny kapoaky ny fahatezerany tsy miharoharo zavatra, sady hampijalina amin' ny afo sy solifara eo anatrehan' ny anjely masìna sy eo anatrehan' ny Zanak' ondry iry; **11** ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manam-pitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan' ny bibi-dia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany. **(aiōn g165)** **12** Indro ny faharetan' ny olona masìna, dia izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy ny finoana an' i Jesosy. **13** Ary nahare feo avy tany an-danitra aho nanao hoe: Soraty: Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin' ny Tompo hatramin' izao. Eny, hoy ny Fanahy, fa hitsahatra amin' izay nisasarany izy; fa ny asany manaraka azy. **14** Ary, indro, nahita rahona fotsy aho, ary nisy tahaka ny Zanak' Olona nipetraka teo ambonin' ny rahona, Izay nisatroka satro-boninahitra volamena sady nitana fijinjana maranitra teny an-tànany. **15** Ary nisy anjely iray koa nivoaka avy tao amin' ny tempoly, niantso tamin' ny feo mahery ka nanao tamin' ilay nipetraka teo ambonin' ny rahona hoe: Arosoy ny fijinjanao, ka mijinjà, satria tonga ny andro fijinjana; fa masaka dia masaka ny vokatry ny tany. **16** Dia naroson' ilay nipetraka teo ambonin' ny rahona tamin' ny tany ny fijinjany, ka voajinja ny tany. **17** Ary nisy anjely iray koa nivoaka avy tao amin' ny tempoly tany an-danitra, ary izy koa nanana fijinjana maranitra. **18** Ary nisy anjely iray koa nivoaka avy teo amin' ny alitara, ary nanana fahefana tamin' ny afo izy; ary izy niantso ilay nanana ny fijinjana maranitra tamin' ny feo mahery hoe: Arosoy ny fijinjanao maranitra, ka angòny ny sampahom-boaloboka eo amin' ny tany; fa masaka tsara ny voalobony. **19** Ary naroson' ilay anjely tamin' ny tany ny fijinjany, dia nangoniny ny voaloboky ny tany ka nazerany tao amin' ny famiazana lehibe, dia ny fahatezeran' Andriamanitra. **20** Ary voahitsaka teny ivelan' ny tanàna ny famiazana, ary avy tao amin' ny famiazana dia nisy rà nahadifotra hatramin' ny lamboridin-tsoavaly ka lasa hatramin' ny enin-jato amby arivo stadio.

15 Ary hitako fa, indro, nisy famantarana iray koa tany an-danitra, sady lehibe mahagaga, dia anjely fito izay nanana ny loza fito farany, Satria ireny no enti-

mahatanteraka ny fahatezeran' Andriamanitra. **2** Ary nahita aho fa, indro, toa ranomasina fitaratra miharo afo, ary izay naharesy ka afaka tamin' ny bibi-dia sy ny sariny ary ny isan' ny anarany dia nitsangana teo amoron' ny ranomasina fitaratra, nitana lokangan' Andriamanitra. **3** Ary mihira ny fihiran' i Mosesy, mpanompon' Andriamanitra, sy ny fihiran' ny Zanak' ondry izy manao hoe: Lehibe sy mahatalanjona ny asanao, Tompo Ô, Andriamanitra Tsitoha; Mahitsy sy marina ny lalanao, Ry Mpanjaka mandrakizay. **4** Iza no tsy hatahotra? Ary iza no tsy hankalaza ny anaranao, Tompo ô? Fa Hianao ihany no masìna, ary ny firenena rehetra ho avy hiankohoka eo anatrehanao; Fa efa naharihary ny fitsarana marina nataonao. **5** Ary rehefa afaka izany, dia nahita aho fa, indro, novohana ny tempoly, dia ny tabernakelin' ny vavolombelona tany an-danitra; **6** ary ny anjely fito izay nanana ny loza fito dia nivoaka avy tao amin' ny tempoly, ary niravaka vato soa madio sy mamirapiratra izy sady nisikina fisikinam-bolamena teo amin' ny tratrany. **7** Ary ny anankiray tamin' ny zava-manan' aina efatra nanome ny anjely fito lovia volamena fito, feno ny fahatezeran' Andriamanitra, Izay velona mandrakizay mandrakizay. **(aiōn g165)** **8** Ary ny tempoly dia feno setroka avy tamin' ny voninahitr' Andriamanitra sy ny heriny, ka tsy nisy nahazo niditra tao amin' ny tempoly mandra-pahatanteraky ny loza fito nentin' ny anjely fito.

16 Ary nahare feo mahery avy tao amin' ny tempoly aho nanao tamin' ny anjely fito hoe: Mandehana, aidino amin' ny tany ny ao amin' ny lovia fito feno ny fahatezeran' Andriamanitra. **2** Ary ny voalohany nandeha, dia nampidina ny tao an-doviany tamin' ny tany; dia nisy vay ratsy sady mampahory tamin' ny olona izay nanana ny mariky ny bibi-dia sy niankohoka teo anatrehan' ny sariny. **3** Ary ny faharoa nampidina ny tao an-doviany tamin' ny ranomasina; dia nody rà tahaka ny ran' ny olona maty ny ranomasina: ary maty ny zava-manan' aina rehetra tao aminy. **4** Ary ny fahatelo nampidina ny tao an-doviany tamin' ny ony sy ny loharano; dia nody rà ireny. **5** Ary nahare ny anjelin' ny rano aho nanao hoe: Marina Hianao, ilay ankehitriny sy taloha, dia ny Iray Masìna, satria efa nitsara toy izany Hianao; **6** fa ny ran' ny olona masìna sy ny mpaminany no nalatsany, ka dia rà kosa no nomenao hosotromy; ary tandrifiny ho azy irany. **7** Ary reko ny alitara nanao hoe: Eny, Tompo ô, Andriamanitra Tsitoha, marina sy mahitsy ny fitsaranao. **8** Ary ny fahelatra nampidina ny tao an-doviany tamin' ny masoandro; dia nasaina nandoro ny olona tamin' ny afo izy. **9** Ary main' ny hafanana be ny olona, dia niteny ratsy ny anaran' Andriamanitra, Izay manam-pahelana amin' ireny loza ireny, izy sady tsy nibebaka mba hanome voninahitra Azy. **10** Ary ny fahadimy nampidina ny tao an-doviany tamin' ny seza fiandrianan' ilay bibi-dia; dia tonga maizina ny fanjakany, ary ny olona nitsakotsako ny lelany noho ny fanaintainana, **11** dia niteny ratsy an' Andriamanitry ny lanitra izy noho ny fanaintainany sy ny vainy sady tsy nibebaka tamin' ny asany. **12** Ary ny fahenina nampidina ny tao an-doviany tamin' i Eofrata, ony lehibe; dia ritra ny ranony hanamboarana ny lalan' ireny mpanjaka avy any amin' ny fiposahan' ny masoandro. **13** Ary nahita aho fa indreo fanahy maloto telo tahaka ny sahona avy tamin' ny vavan' ilay dragona sy tamin' ny vavan' ilay bibi-dia ary tamin' ny vavan' ilay mpaminany sandoka. **14** Fa fanahin' ny demonia ireo ka manao famantarana sady mankany amin' ny mpanjaka amin' izao tontolo izao, mba hanangona ary ho amin' ny adin' ilay andro lehiben' Andriamanitra Tsitoha. **15** (Indro, avy toy ny mpangalatra Aho. Sambatra izay miambina ka miaro ny fitafiany, fandrao mandeha mitanjaka izy, ka hita ny fahamenarany.) **16** Ary nangoniny ho any amin' ny tany atao amin' ny teny Hebreo hoe Haramagedona ireny. **17** Ary ny fahafito dia nampidina ny tao an-doviany tamin' ny rivotra; dia nisy feo mahery nivoaka avy tao amin' ny tempoly, teo amin' ny seza fiandrianana, nanao hoe: Vita. **18** Dia nisy helatra sy feo sy kotrokorana, ary nisy horohorontany mafy, izay tsy mbola nisy toy izany hatrizay nisian' olona tetỳ ambonin' ny tany, eny, tsy mbola nisy horohorontany mafy sy lehibe toy izany. **19** Ary ny tanàna lehibe dia vaky ho telo toko, ary rava ny tanànan' ny firenena maro; ary Babylona lehibe dia notsarovana teo anatrehan' Andriamanitra, mba homena azy ny kapoaky ny divain' ny firehetan' ny fahatezerany. **20** Ary ny nosy rehetra nandositra, ary ny tendrombohitra tsy hita intsony. **21** Ary nisy havandra vaventy nilatsaka avy tany an-danitra ho amin' ny olona, tokony ho lanjan-talenta iray avy; ary niteny ratsy an' Andriamanitra ny olona noho ny loza avy tamin' ny havandra; fa lehibe loatra izany loza izany.

17 Ary tonga ny anjely anankiray tamin' izy fito izay nanana ny lovia fito, dia niteny tamiko nanao hoe: Avia atỳ; dia hasehoko anao ny fitsarana ilay vehivavy janga lehibe, izay mipetraka eny ambonin' ny rano maro, **2** dia ilay nijangajangan' ny mpanjakan' ny tany, sady natao leon' ny divain' ny fijangajangany ny mponina tamin' ny tany. **3** Dia nentiny tamin' ny Fanahy ho any an' efitra aho ary nahita vehivavy nitaingina bibi-dia mivolon-jaky, feno anarana fitenenan-dratsy sady nanan-doha fito sy tandroka folo. **4** Ary ravehivavy dia nitafy lamba volomparasy sy jaky ary niravaka volamena sy vato soa ary perila sady nitana kapoaka volamena teny an-tànany, feno zava-betaveta, dia ny zava-maloto momba ny fijangajangany; **5** ary nisy anarana voasoratra teo amin' ny handriny nanao hoe: ZAVA-MIAFINA, BABYLONA LEHIBE, RENIN' NY MPIJANGAJANGA SY NY ZAVA-BETAVETA, AMIN' NY TANY. **6** Ary hitako fa, indro, ravehivavy dia leon' ny ran ny olona masìna sy ny ran' ny martioran' i Jesosy; koa raha nahita azy aho, dia gaga indrindra. **7** Ary hoy ilay anjely tamiko: Nahoana no gaga ianao? Izaho hilaza aminao ny zava-miafina ny amin-dravehivavy sy ny bibi-dia mitondra azy, izay manan-doha fito sy tandroka folo. **8** Ny bibi-dia, ilay efa hitanao, dia teo ihany ary tsy eo izao, nefa efa hiakatra avy amin' ny lavaka tsy hita noanoa izy ka ho lasa ho amin' ny fandringanana; ary ny monina ambonin' ny tany, dia izay tsy voasoratra eo amin' ny bokin' ny fiainana hatramin' ny nanorenana izao tontolo izao, dia ho gaga raha mijery ilay bibi-dia, izay teo ihany ary tsy eo izao, nefa mbola ho avy indray. **(Abyssos g12)** **9** Indro ny hevitra iray

misy fahendrena: Ny loha fito dia tendrombohitra fito, izay ipetrahan-dravehivavy. **10** Ary mpanjaka fito ireo; efa lavo ny dimy, ka ny iray mbola eo ihany, ary ny iray koa mbola tsy tonga; ary rehefa tonga izy, dia tsy maintsy mitoetra kelikely. **11** Ary ny bibi-dia izay teo ihany ary tsy eo izao, dia izy no naman' ny fito mahavalo ary ka lasa ho amin' ny fandringanana. **12** Ary ny tandroka folo, izay hitanao, dia mpanjaka folo izay tsy mbola nahazo fanjakana; fa mandray fahefana ho toa mpanjaka iray ora miaraka amin' ny bibi-dia izy. **13** Ireo dia miray saina ka manome ny heriny sy ny fahefany ho an' ilay bibi-dia. **14** Ireo dia hiady amin' ny Zanak' ondry, ary ny Zanak' ondry haharesy azy, satria Tompon' ny tompo sy Mpanjakan' ny mpanjaka Izy, ary haharesy azy koa izay momba Azy, dia olona voantso sy voafidy ary mahatoky. **15** Ary hoy izy tamiko: Ny rano ela hitanao, izay ipetrahan' ilay vehivavy janga, dia olona sy vahoaka betsaka sy firenena maro ary samy hafa fiteny. **16** Ary ny tandroka folo sy ny bibi-dia izay efa hitanao, dia ireo no hankahala ilay vehivavy janga ka hahatsinontsinona azy sy hampitanjaka ary sy hihinana ny nofony ary handevona ny tenany amin' ny afo. **17** Fa Andriamanitra efa nanome fo ireo hanatanteraka ny heviny sy hifanara-tsaina ary hanome ny fanjakany ho an' ilay bibi-dia mandra-pahatanteraky ny tenin' Andriamanitra. **18** Ary ravehivavy, ilay hitanao, dia tanàna lehibe, izay manjaka amin' ny mpanjakan' ny tany.

18 Rehefa afaka izany, dia hitako fa indro, nisy anjely izay koa nidina avy tany an-danitra, nanana fahefana lehibe; ary ny tany nohazavain' ny voninahiny. **2** Ary niantso tamin' ny feo mahery izy ka nanao hoe: Rava! rava Babylona lehibe! ka tonga fonenan' ny demonia sy fieren' ny fanahy maloto rehetra ary akanin' ny vorona rehetra izay maloto sy ankahalaina. **3** Fa tamin' ny divain' ny fahatezerana noho ny fijangajangany no nahalavoan' ny firenena rehetra, ary ny mpanjakan' ny tany nijangajanga taminy, ary ny mpandranto amin' ny tany tonga mpanankarena noho ny hafatratry ny nitiavan' io ny zava-mahafinaritra ny tena. **4** Ary nahare feo iray koa avy tany an-danitra aho nanao hoe: Mialà aminy ianareo, ry oloko, mba tsy hiombonanareo ota aminy, ary mba tsy hisy hahazo anareo ny loza manjo azy. **5** Fa ny fahotany efa nitehika tamin' ny lanitra, ary Andriamanitra efa nahatsiaro ny ratsy nataony. **6** Mamalia azy araka izay nataony, ka omeo azy indroa heny toy ny nataony izy; ny kapoaka izay nofenoiny, dia fenoy indroa heny ho azy. **7** Toraka itsy niderany tena sy nivelomany tamin' ny zava-mahafinaritra ny tena, dia omeo fanaintainana sy alahelo toraka izany koa izy, satria hoy izy anakampo: Mipetraka ho mpanjakavavy aho, fa tsy mpitondratena, ary tsy mba hahita alahelo mihitsy aho; **8** koa noho izany dia ho tonga indray andro monja izao loza hanjo azy izao, dia fahafatesana sy fisaonana ary mosary, ary ho levon' ny afo izy; fa mahery ny Tompo Andriamanitra, Izay nitsara azy. **9** Ary ny mpanjakan' ny tany, izay nijangajanga taminy sy niara-nanaram-po taminy tamin' ny zava-mahafinaritra ny tena, dia hiteha-tratra sy hitomany ary, raha mahita ny setroky ny fandoroana azy; **10** eny, hijanona eny lavitra eny izy noho ny fahatahorana ny fanaintainany ka hanao hoe: Indrisy! Indrisy! Babylona, izay tanàna lehibe! ry ilay tanàna mafy! fa tamin' ny ora izay monja dia tonga ny fitsarana anao. **11** Ary ny mpandranto amin' ny tany dia hitomany sy hisaona azy; fa tsy hisy mpividy intsony ny entany: **12** dia entana volamena sy volafotsy sy vato soa sy perila sy rongony fotsy madinika sy lamba volomparasy sy landy sy jaky sy hazo mani-pofona, sy ny fanaka ivory rehetra mbamin' ny fanaka rehetra amin' ny hazo saro-bidy indrindra sy varahina sy vy ary vato sanga, **13** sy havozomamy sy zavatra mani-pofona sy ditin-kazo sy menaka manitra sy ditin-kazo mani-pofona, sy divay sy diloilo sy lafarina tsara toto sy vary tritika sy omby sy ondry sy soavaly sy kalesy ary tena sy ain' olona. **14** Ary ny vokatra soa nirin' ny fanahinao dia efa niala taminao, ary ny zava-tsoa rehetra sy ny zava-malaza rehetra dia efa levona tsy ho anao, ary tsy ho hita intsony mandrakizay ireo. **15** Ny mpandranto izany zavatra izany, izay efa tonga mpanankarena taminy, dia hijanona eny lavitra eny noho ny fahatahorana ny fanaintainany ka hitomany sy hisaona **16** ary hanao hoe: Indrisy! indrisy! ilay tanàna lehibe, izay nitafy rongony fotsy madinika sy lamba volomparasy sy jaky ary niravaka volamena sy vato soa ary perila! **17** Fa tamin' ny ora iray monja no nahafoana ny harena be toy izany. Ary ny mpitondra sambo rehetra sy izay rehetra mandeha eny ambonin' ny ranomasina sy ny matilo ary izay rehetra manao raharaha any an-dranomasina dia nijanona teny lavitra eny, **18** ary raha nahita ny setroky ny fandoroana ary, dia niantso nanao hoe: Aiza intsony re no misy tahaka izany tanàna lehibe izany? **19** Ary nanopy vovoka hiraraka tamin' ny lohany izy, dia niantso sady nitomany sy nisaona ka nanao hoe: Indrisy! indrisy! ilay tanàna lehibe, izay nampanan-karena izay rehetra manan-tsambo eny amin' ny ranomasina noho ny zava-tsaro-bidy tao aminy; fa tamin' ny ora iray monja no nahafoana izany. **20** Mifalia noho izay zavatra nanjo azy ianao, ry lanitra, sy ianareo olona masìna sy ianareo Apostoly, ary ianareo mpaminany; fa Andriamanitra efa nitsara azy ka namaly azy noho ny taminareo. **21** Ary nisy anjely mahery anankiray nibata vato tahaka ny vato lehibe fikosoham-bary, dia nanipy izany tany an-dranomasina ka nanao hoe: Hatsipy mafy toy izany no ho fandrava an' i Babylona, ilay tanàna lehibe, ka tsy ho hita intsony izy. **22** Ary ny feon' ny mpitendry lokanga sy ny mpitsoka mozika sy ny mpitsoka sodina ary ny mpitsoka trompetra dia tsy ho re eo aminao intsony; ary ny mpiasa rehetra mahay zavatra na inona na inona tsy ho hita eo aminao intsony; ary ny feon' ny vato fikosoham-bary tsy ho re eo aminao intsony; **23** ary ny fahazavan' ny jiro tsy mba hahazava eo aminao intsony; ary ny feon' ny mpampakatra sy ny ampakarina tsy ho re eo aminao intsony; fa lehiben' ny tany ny mpandrantonao; fa ny ody ratsinao no nentinao namitaka ny firenena rehetra. **24** Ary teo anatiny no nahitana ny ran' ny mpaminany sy ny olona masìna sy itsy rehetra novonoina teny ambonin' ny tany.

19 Rehefa afaka izany, dia nahare hoatra ny feon' ny vahoaka betsaka tany an-danitra aho nanao hoe: Haleloia! Ny famonjena sy ny voninahitra ary ny hery dia

an' Andriamanitsika; **2** Fa marina sy mahitsy ny fitsarana ataony; Fa nitsara ilay vehivavy janga lehibe Izy — Dia ilay nandoto ny tany tamin' ny fijangajangany — Ary namaly ary noho ny ran' ny mpanompony izay nalatsaky ny tànany. **3** Dia niteny fanindroany ireo hoe: Halelola! Ary ny setroky ny tanàna dia miakatra mandrakizay mandrakizay. **(aiōn g165)** **4** Ary ny loholona elatra amby roa-polo sy ny zava-manan' aina efatra dia niankohoka nivavaka tamin' Andriamanitra. Izay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana, ka nanao hoe: Amena; Haleloia! **5** Ary nisy feo koa nivoaka avy teo amin' ny seza fiandrianana ka nanao hoe: Miderà an' Andriamanitsika ianareo mpanompony rehetra, dia ianareo izay matahotra Azy, na ny kely na ny lehibe. **6** Dia nahare feo tahaka ny an' ny vahoaka betsaka aho, sy tahaka ny firohondrohon' ny rano be, ary tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy, nanao hoe: Haleloila! Fa ny Tompo Andriamanitsika, dia ny Tsitoha, no Mpanjaka. **7** Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Ary; fa tonga ny fampakaram-badin' ny Zanak' ondry. Ka efa niomana ny vadiny. **8** Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon' ny olona masìna. **9** Ary hoy koa izy tamiko Soraty: Sambatra izay nantsoina ho amin' ny fanasana fampakaram-badin' ny Zanak' ondry. Fa hoy izy tamiko: Ireo dia teny marin' Andriamanitra. **10** Dia niankohoka teo amin' ny tongony aho mba hivavaka aminy. Ary hoy izy tamiko: Tandremo, aza manao izao; fa mpanompo namanao ihany aho sady naman' ireo rahalahinao izay mitana ny filazana an' i Jesosy; Andriamanitra ihany no ivavaho; fa ny filazana an' i Jesosy no fanahin' ny faminaniana. **11** Ary nahita ny lanitra voasokatra aho, ka, indro, nisy soavaly fotsy; ary Izay nitaingina azy dia atao hoe Mahatoky sy Marina, ary amin' ny fahamarinana no itsarany sy iadiany. **12** Ary ny masony dia lelafo, ary tamin' ny lohany nisy diadema maro; ary Izy manana anarana voasoratra, izay tsy misy mahalala akory afa-tsy ny tenany ihany. **13** Ary miakanjo akanjo voafafy rà Izy; ary ny anarany atso hoe Ny Tenin' Andriamanitra. **14** Ary ny antokon' ny miaramila any an-danitra dia nanaraka Ary, samy nitaingina soavaly fotsy sy niakanjo rongony madinika sady fotsy no madio. **15** Ary misy sabatra maranitra mivoaka avy amin' ny vavany mba hamelenany ny firenena; ary Izy hanapaka azy amin' ny tehim-by; ary Izy no manitsaka ny famiazana ny divain' ny firehetan' ny fahatezeran' Andriamanitra Tsitoha. **16** Ary manana anarana voasoratra amin' ny lambany sy ny feny Izy nanao hoe: MPANJAKAN' NY MPANJAKA SY TOMPON' NY TOMPO. **17** Ary hitako fa, indro, nisy anjely anankiray koa nitsangana teo amin' ny masoandro, ary niantso tamin' ny feo mahery izy ka nanao tamin' ny voro-manidina rehetra teo afovoan' ny habakabaka hoe: Avia, ka miangòna ho amin' ny fanasana lehiben' Andriamanitra, **18** mba hihinanananareo ny nofon' ny mpanjaka sy ny nofon' ny mpifehy arivo sy ny nofon' ny mahery sy ny nofon' ny soavaly mbamin' izay mitaingina azy ary ny nofon' ny olona rehetra, na andevo na tsy andevo, na kely na lehibe. **19** Ary hitako ilay bibi-dia sy ny mpanjakan' ny tany mbamin' ny miaramilany tafangona mba hiady amin' ilay mitaingina ny soavaly sy amin' ny miaramilany. **20** Ary nosamborina ilay bibi-dia mbamin' ny mpaminany sandoka, dia ilay nanao ny famantarana teo anatrehany, izay nentiny namitaka ny efa nandray ny mariky ny bibi-dia sady miankohoka eo anoloan' ny sariny; ary dia natsipy velona ho any amin' ny farihy afo mirehitra solifara izy roroa. **(Limnē Pyr g3041 g4442)** **21** Ary ny olona sisa dia matin' ny sabatra mivoaka avy amin' ny vavan' ilay mitaingina ny soavaly; ary ny vorona rehetra dia voky ny nofony.

20 Ary hitako fa, indro, nisy anjely nidina avy tany an-danitra, nanana ny fanalahidin' ny lavaka tsy hita noanoa sy gadra lehibe eny an-tànany; **(Abyssos g12)** **2** dia nisambotra ilay dragona izy (dia ilay menarana ela, ny devoly sy Satana izany) ka namatotra ary arivo taona, **3** dia nanipy ary ho amin' ny lavaka tsy hita noanoa ka nanidy izany, dia nanisy tombo-kase teo amboniny, mba tsy hamitahany ny firenena maro intsony mandra-pahatapitry ny arivo taona; ary rehefa afaka izany, dia tsy maintsy hovahana kelikely aloha izy. **(Abyssos g12)** **4** Ary nahita seza fiandrianana maro aho, ary nisy nipetraka teo amboniny, ary nomena fahefana hitsara izy; ary hitako koa ny fanahin' izay notapahin-doha noho ny filazana an' i Jesosy sy ny tenin' Andriamanitra sy izay rehetra tsy niankohoka teo anoloan' ny bibi-dia na teo anoloan' ny sariny ary tsy nandray ny marika ho eo amin' ny handriny na ho eo amin' ny tànany; ary velona izy ka niara-nanjaka tamin' i Kristy arivo taona. **5** Fa ny sisa amin' ny maty dia tsy mbola velona mandra-pahatapitry ny arivo taona. Izany no fitsanganana voalohany. **6** Sambatra sy masìna izay manana anjara amin' ny fitsanganana voalohany; ireo tsy mba ananan' ny fahafatesana faharoa fahefana, fa ho mpisoron' Andriamanitra sy Kristy ireo ka hiara-manjaka aminy arivo taona. **7** Ary rehefa tapitra ny arivo taona, dia hovahana Satana ho afaka ao amin' ny tranomaizina nitoerany **8** ka hivoaka hamitaka ny firenena eny amin' ny vazan-tany efatra, dia Goga sy Magoga, mba hanangona ary ho any amin' ny ady; tahaka ny fasiky ny ranomasina ny isany. **9** Ary niakatra namaky ny tany izy, dia nanodidina ny tobin' ny olona masìna sy ny tanàna malala; ary nisy afo nidina avy tany an-danitra ka nandany azy. **10** Ary ny devoly izay namitaka azy dia natsipy tany amin' ny farihy afo sy solifara, izay misy ilay bibi-dia sy ilay mpaminany sandoka koa, ary hampijalina andro amin' alina mandrakizay mandrakizay ireo. **(aiōn g165, Limnē Pyr g3041 g4442)** **11** Ary hitako fa, indro, nisy seza fiandrianana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. **12** Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan' ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin' ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin' ny boky, araka ny asany. **13** Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita namoaka ny maty tao aminy; dia samy notsaraina araka ny asany izy. **(Hadēs g86)** **14** Ary ny

fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita dia natsipy tany amin' ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo. **(Hadēs g86, Limnē Pyr g3041 g4442)** **15** Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin' ny bokin' ny fiainana, dia natsipy tany amin' ny farihy afo izy. **(Limnē Pyr g3041 g4442)**

21 Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho; fa efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany, ary ny ranomasina dia tsy misy intsony. **2** Ary nahita aho fa, indro, ny tanàna masìna, dia Jerosalema vaovao, nidina avy any an-danitra tamin' Andriamanitra, voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihaona amin' ny vadiny. **3** Ary nahare feo mahery avy teo amin' ny seza fiandrianana aho nanao hoe: Indro, ny tabernakelin' Andriamanitra dia eo amin' ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny. **4** Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin' ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha. **5** Ary hoy Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana: Indro, havaoziko ny zavatra rehetra. Ary hoy koa Izy: Soraty; fa mahatoky sy marina ireo teny ireo. **6** Ary hoy koa Izy tamiko: Tanteraka ireo. Izaho no Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana. Izaho hanome maimaimpoana amin' ny loharanon' ny ranon' aina ho an' izay mangetaheta. **7** Izay maharesy no handova izany zavatra izany; ary ho Andriamaniny Aho, ary izy ho zanako. **8** Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin' ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa. **(Limnē Pyr g3041 g4442)** **9** Ary tonga ny anankiray tamin' ny anjely fito izay nanana ny lovia fito, dia ireo nitondra ny loza fito farany ka nanao tamiko hoe: Avia etỳ, dia hasehoko anao ny ampakarina, vadin' ny Zanak' ondry. **10** Ary nitondra ahy tamin' ny Fanahy ho any an-tendrombohitra sady lehibe no avo izy ka naneho ahy ny tanàna masìna, dia Jerosalema, midìna avy tamin' Andriamanitra any an-danitra, **11** sady manana ny voninahitr' Andriamanitra izy; ny famirapirany dia tahaka ny vato soa indrindra, dia tahaka ny vato jaspy, manganohano toy ny vato krystaly; **12** ary manana mànda lehibe sady avo sy vavahady roa ambin' ny folo izy, ary eo amin' ny vavahady dia misy anjely roa ambin' ny folo, ary misy anarana voasoratra eo, dia ny an' ny firenena roa ambin' ny folo amin' ny Zanak' isiraely; **13** eo atsinanana vavahady telo; eo avaratra vavahady telo; eo atsimo vavahady telo; eo andrefana vavahady telo. **14** Ary ny màndan' ny tanàna dia misy fanorenana roa ambin' ny folo, ary misy anarana roa ambin' ny folo koa eo, dia ny an ny Apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanak' ondry. **15** Ary ilay niteny tamiko dia nanana fandrefesana volotara volamena handrefesany ny tanàna sy ny vavahadiny ary ny màndany. **16** Ary ny tanàna dia efa-joro, ka mitovy ny lavany sy ny sakany; ary nandrefy ny tanàna tamin' ny volotara izy, ka roa arivo sy iray alina stadio. Mitovy ny lavany sy ny sakany ary ny hahavony. **17** Ary nandrefy ny màndany izy, ka efatra amby efa-polo amby zato hakiho, araka ny refin' ny olona, dia ny an' ny anjely. **18** Ary ny màndany dia vato jaspy; ary ny tanàna dia tena volamena, toy ny fitaratra madio. **19** Ary ny fanorenan' ny màndan' ny tanàna dia voaravaka vato soa samy hafa rehetra. Ny fanorenana voalohany jaspy, ny faharoa safira, ny fahatelo kalkedona, ny fahefatra emeralda, **20** ny fahadimy sardonyksa, ny fahenina karneola, ny fahafito krysolita, ny fahavalo beryla, ny fahasivy topaza, ny fahafolo krysopraso, ny faharaika ambin' ny folo hyakinta, ny faharoa ambin' ny folo ametysta. **21** Ary ny vavahady roa ambin' ny folo dia perila roa ambin' ny folo; perila iray avy ny isam-bavahady; ary ny lalambe teo an-tanàna dia tena volamena, toy ny fitaratra manganohano. **22** Ary tsy nahita tempoly teo aho; fa ny Tompo Andriamanitra, dia ny Tsitoha, sy ny Zanak' ondry no tempoliny. **23** Ary ny tanàna tsy mba mila ny masoandro na ny volana hamirapiratra aminy; fa ny voninahitr' Andriamanitra no nanazava ary, ary ny Zanak' ondry no fanazavana azy. **24** Ary ny firenena maro no handeha amin' ny fahazavany; ary ny mpanjakan' ny tany dia mitondra ny voninahiny ho ao anatiny. **25** Ary ny vavahadiny tsy harindrina akory amin' ny andro (fa tsy mba hisy alina ao). **26** Ary ny voninahitra sy ny hajan' ny firenena maro dia ho entina ao anatiny. **27** Ary tsy mba hiditra ao mihitsy izay tsy masìna, na izay manao vetaveta, na izay mandainga, fa izay voasoratra ao anatin' ny bokin' ny fiainana izay an' ny Zanak' ondry ihany.

22 Ary izy naneho ahy onin' ny ranon' aina, manganohano tahaka ny vato krystaly, nivoaka avy teo amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry **2** teo afovoan' ny lalambeny. Ary teny an-daniny roa amin' ny ony nisy hazon' aina mamoa voa roa ambin' ny folo samy hafa sady mamoa isam-bolana; ary ny ravin' ny hazo dia ho fanasitranana ny firenena maro. **3** Ary tsy hisy ozona intsony; ary ny seza fiandrianan' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry ho eo aminy; ary ny mpanompony dia hanompo Azy **4** ka hahita ny tavany, ary ny anarany dia ho eo amin' ny handriny. **5** Ary tsy hisy alina intsony; ary tsy mba mila fahazavan' ny jiro na fahazavan' ny masoandro izy; fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy; ary hanjaka mandrakizay mandrakizay izy. **(aiōn g165)** **6** Ary hoy izy tamiko: Mahatoky sady marina ireo teny ireo; ary ny Tompo, Andriamanitry ny fanahin' ny mpaminany, naniraka ny anjeliny haneho amin' ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana. **7** Ary, Indro, avy faingana Aho; sambatra izay mitandrina ny tenin' ny faminaniana amin' ity boky ity. **8** Ary izaho Jaona no nahare sy nahita ireo zavatra ireo. Ary rehefa nahare sy nahita aho, dia niankohoka hivavaka teo anoloan' ny tongotr' ilay anjely naneho ahy ireo zavatra ireo. **9** Dia hoy izy tamiko: Tandremo, aza manao izao; fa mpanompo namanao ihany aho sady naman' ny mpaminany rahalahinao sy izay mitandrina ny teny amin' ity boky ity; Andriamanitra ihany no ivavaho. **10** Ary hoy izy tamiko: Aza asiana tombo-kase ny tenin' ny faminaniana amin' ity boky ity, fa antomotra ny andro. **11** Izay manao ny tsy marina aoka mbola hanao ny tsy marina ihany izy; ary izay maloto, aoka mbola hihaloto ihany izy; ary

izay marina kosa, aoka mbola hanao ny marina ihany izy, ary izay masìna, aoka mbola hihamasina ihany izy. **12** Indro avy faingana Aho; ary eto amiko ny famaliako, mba hamaliako ny olona rehetra araka ny asany. **13** Izaho no Alfa sy Omega, ny voalohany sy ny Farany, ny fiandohana sy ny fiafarana. **14** Sambatra izay manasa ny akanjony, mba hananany fahefana amin' ny hazon' aina sy hidirany amin' ny vavahady ho ao an-tanàna. **15** Fa any ivelany ny alika sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpijangajanga sy ny mpamono olona sy ny mpanompo sampy ary izay rehetra tia lainga sady mandainga. **16** Izaho Jesosy naniraka ny anjeliko hanambara aminareo ireo zavatra ireo ho an' ny fiangonana. Izaho no Solofo sy taranak' i Davida, ny Kintana mamirapiratra fitarika andro. **17** Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia; ary aoka izay mahare hanao hoe: Avia. Ary aoka ho avy izay mangetaheta; ary izay mety, aoka izy hisotro maimaimpoana amin' ny ranon' aina. **18** Izaho dia manambara amin' izay rehetra mandre ny tenin' ny faminaniana amin' ity boky ity: Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy ireo loza voasoratra eto anatin' ity boky ity ho azy; **19** ary raha misy manaisotra amin' ny teny amin' ny bokin' ity faminaniana ity, dia hesorin' Andriamanitra ny anjarany amin' ny hazon' aina sy amin' ny tanàna masìna, dia izay zavatra voasoratra eto anatin' ity boky ity. **20** Hoy Izay manambara ireo zavatra ireo: Eny, avy faingana Aho. Amena. Avia, Jesosy Tompo! **21** Ho amin' ny olona masìna anie ny fahasoavan' i Jesosy Tompo. Amena.



Ary nahita aho fa, indro, ny tanàna masìna, dia Jerosalema vaovao, nidina avy any an-danitra tamin' Andriamanitra, voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihaona amin' ny vadiny. Ary nahare feo mahery avy teo amin' ny seza fiandrianana aho nanao hoe: Indro, ny tabernakelin' Andriamanitra dia eo amin' ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny.

Apokalypsy 21:2-3

Torolàlana Mpamaky

Malagasy at AionianBible.org/Readers-Guide

The Aionian Bible republishes public domain and Creative Common Bible texts that are 100% free to copy and print. The original translation is unaltered and notes are added to help your study. The notes show the location of eleven special Greek and Hebrew Aionian Glossary words to help us better understand God's love for individuals and for all mankind, and the nature of afterlife destinies.

Who has the authority to interpret the Bible and examine the underlying Hebrew and Greek words? That is a good question! We read in 1 John 2:27, *"As for you, the anointing which you received from him remains in you, and you do not need for anyone to teach you. But as his anointing teaches you concerning all things, and is true, and is no lie, and even as it taught you, you remain in him."* Every Christian is qualified to interpret the Bible! Now that does not mean we will all agree. Each of us is still growing in our understanding of the truth. However, it does mean that there is no infallible human or tradition to answer all our questions. Instead the Holy Spirit helps each of us to know the truth and grow closer to God and each other.

The Bible is a library with 66 books in the Protestant Canon. The best way to learn God's word is to read entire books. Read the book of Genesis. Read the book of John. Read the entire Bible library. Topical studies and cross-referencing can be good. However, the safest way to understand context and meaning is to read whole Bible books. Chapter and verse numbers were added for convenience in the 16th century, but unfortunately they can cause the Bible to seem like an encyclopedia. The Aionian Bible is formatted with simple verse numbering, minimal notes, and no cross-referencing in order to encourage the reading of Bible books.

Bible reading must also begin with prayer. Any Christian is qualified to interpret the Bible with God's help. However, this freedom is also a responsibility because without the Holy Spirit we cannot interpret accurately. We read in 1 Corinthians 2:13-14, *"And we speak of these things, not with words taught by human wisdom, but with those taught by the Spirit, comparing spiritual things with spiritual things. Now the natural person does not receive the things of the Spirit of God, for they are foolishness to him, and he cannot understand them, because they are spiritually discerned."* So we cannot understand in our natural self, but we can with God's help through prayer.

The Holy Spirit is the best writer and he uses literary devices such as introductions, conclusions, paragraphs, and metaphors. He also writes various genres including historical narrative, prose, and poetry. So Bible study must spiritually discern and understand literature. Pray, read, observe, interpret, and apply. Finally, *"Do your best to present yourself approved by God, a worker who does not need to be ashamed, properly handling the word of truth."* 2 Timothy 2:15. *"God has granted to us his precious and exceedingly great promises; that through these you may become partakers of the divine nature, having escaped from the corruption that is in the world by lust. Yes, and for this very cause adding on your part all diligence, in your faith supply moral excellence; and in moral excellence, knowledge; and in knowledge, self-control; and in self-control patience; and in patience godliness; and in godliness brotherly affection; and in brotherly affection, love. For if these things are yours and abound, they make you to be not idle nor unfruitful to the knowledge of our Lord Jesus Christ,"* 2 Peter 1:4-8.

Rakibolana

Malagasy at AionianBible.org/Glossary

The Aionian Bible un-translates and instead transliterates eleven special words to help us better understand the extent of God's love for individuals and all mankind, and the nature of afterlife destinies. The original translation is unaltered and a note is added to 64 Old Testament and 200 New Testament verses. Compare the meanings below to the Strong's Concordance and Glossary definitions.

Abyssos g12

Greek: proper noun, place
Usage: 9 times in 3 books, 6 chapters, and 9 verses
Meaning:

Temporary prison for special fallen angels such as Apollyon, the Beast, and Satan.

aïdios g126

Greek: adjective
Usage: 2 times in Romans 1:20 and Jude 6
Meaning:

Lasting, enduring forever, eternal.

aiōn g165

Greek: noun
Usage: 127 times in 22 books, 75 chapters, and 102 verses
Meaning:

A lifetime or time period with a beginning and end, an era, an age, the completion of which is beyond human perception, but known only to God the creator of the aiōns, Hebrews 1:2. Never meaning simple endless or infinite chronological time in Greek usage. Read Dr. Heleen Keizer and Ramelli and Konstan for proofs.

aiōnios g166

Greek: adjective
Usage: 71 times in 19 books, 44 chapters, and 69 verses
Meaning:

From start to finish, pertaining to the age, lifetime, entirety, complete, or even consummate. Never meaning simple endless or infinite chronological time in Koine Greek usage. Read Dr. Heleen Keizer and Ramelli and Konstan for proofs.

eleēsē g1653

Greek: verb, aorist tense, active voice, subjunctive mood, 3rd person singular
Usage: 1 time in this conjugation, Romans 11:32
Meaning:

To have pity on, to show mercy. Typically, the subjunctive mood indicates possiblity, not certainty. However, a subjunctive in a purpose clause is a resulting action as certain as the causal action. The subjunctive in a purpose clause functions as an indicative, not an optative. Thus, the grand conclusion of grace theology in Romans 11:32 must be clarified. God's mercy on all is not a possibility, but a certainty. See ntgreek.org.

Geenna g1067
Greek: proper noun, place
Usage: 12 times in 4 books, 7 chapters, and 12 verses
Meaning:

Valley of Hinnom, Jerusalem's trash dump, a place of ruin, destruction, and judgment in this life, or the next, though not eternal to Jesus' audience.

Hadēs g86
Greek: proper noun, place
Usage: 11 times in 5 books, 9 chapters, and 11 verses
Meaning:

Synonomous with Sheol, though in New Testament usage Hades is the temporal place of punishment for deceased unbelieving mankind, distinct from Paradise for deceased believers.

Limnē Pyr g3041 g4442
Greek: proper noun, place
Usage: Phrase 5 times in the New Testament
Meaning:

Lake of Fire, final punishment for those not named in the Book of Life, prepared for the Devil and his angels, Matthew 25:41.

Sheol h7585
Hebrew: proper noun, place
Usage: 66 times in 17 books, 50 chapters, and 64 verses
Meaning:

The grave or temporal afterlife world of both the righteous and unrighteous, believing and unbelieving, until the general resurrection.

Tartaroō g5020
Greek: proper noun, place
Usage: 1 time in 2 Peter 2:4
Meaning:

Temporary prison for particular fallen angels awaiting final judgment.

Rakibolana +

AionianBible.org/Bibles/Malagasy---Malagasy-Bible/Noted

Glossary references are below. Strong's Hebrew and Greek number notes are added to 64 Old Testament and 200 New Testament verses. Questioned verse translations do not contain Aionian Glossary words and may wrongly imply *eternal* or *Hell*. * The note placement is skipped or adjusted for verses with non-standard numbering.

Abyssos

Lioka 8:31
Romana 10:7
Apokalypsy 9:1
Apokalypsy 9:2
Apokalypsy 9:11
Apokalypsy 11:7
Apokalypsy 17:8
Apokalypsy 20:1
Apokalypsy 20:3

aïdios

Romana 1:20
Joda 1:6

aiōn

Matio 12:32
Matio 13:22
Matio 13:39
Matio 13:40
Matio 13:49
Matio 21:19
Matio 24:3
Matio 28:20
Marka 3:29
Marka 4:19
Marka 10:30
Marka 11:14
Lioka 1:33
Lioka 1:55
Lioka 1:70
Lioka 16:8
Lioka 18:30
Lioka 20:34
Lioka 20:35
Jaona 4:14
Jaona 6:51
Jaona 6:58
Jaona 8:35
Jaona 8:51
Jaona 8:52
Jaona 9:32
Jaona 10:28
Jaona 11:26
Jaona 12:34
Jaona 13:8
Jaona 14:16
Asan'ny Apostoly 3:21
Asan'ny Apostoly 15:18
Romana 1:25
Romana 9:5
Romana 11:36
Romana 12:2
Romana 16:27
1 Korintiana 1:20
1 Korintiana 2:6
1 Korintiana 2:7
1 Korintiana 2:8
1 Korintiana 3:18
1 Korintiana 8:13
1 Korintiana 10:11
2 Korintiana 4:4
2 Korintiana 9:9
2 Korintiana 11:31
Galatiana 1:4
Galatiana 1:5
Efesiana 1:21
Efesiana 2:2
Efesiana 2:7
Efesiana 3:9
Efesiana 3:11
Efesiana 3:21
Efesiana 6:12
Filipiana 4:20
Kolosiana 1:26
1 Timoty 1:17
1 Timoty 6:17
2 Timoty 4:10
2 Timoty 4:18
Titosy 2:12
Hebreo 1:2
Hebreo 1:8
Hebreo 5:6
Hebreo 6:5
Hebreo 6:20
Hebreo 7:17
Hebreo 7:21
Hebreo 7:24
Hebreo 7:28
Hebreo 9:26
Hebreo 11:3
Hebreo 13:8
Hebreo 13:21
1 Petera 1:23
1 Petera 1:25
1 Petera 4:11
1 Petera 5:11
2 Petera 3:18
1 Jaona 2:17
2 Jaona 1:2
Joda 1:13
Joda 1:25
Apokalypsy 1:6
Apokalypsy 1:18
Apokalypsy 4:9
Apokalypsy 4:10
Apokalypsy 5:13
Apokalypsy 7:12
Apokalypsy 10:6
Apokalypsy 11:15
Apokalypsy 14:11
Apokalypsy 15:7
Apokalypsy 19:3
Apokalypsy 20:10
Apokalypsy 22:5

aiōnios

Matio 18:8
Matio 19:16
Matio 19:29
Matio 25:41
Matio 25:46
Marka 3:29
Marka 10:17
Marka 10:30
Lioka 10:25
Lioka 16:9
Lioka 18:18
Lioka 18:30
Jaona 3:15
Jaona 3:16
Jaona 3:36
Jaona 4:14
Jaona 4:36
Jaona 5:24
Jaona 5:39
Jaona 6:27
Jaona 6:40
Jaona 6:47
Jaona 6:54
Jaona 6:68

Jaona 10:28
Jaona 12:25
Jaona 12:50
Jaona 17:2
Jaona 17:3
Asan'ny Apostoly 13:46
Asan'ny Apostoly 13:48
Romana 2:7
Romana 5:21
Romana 6:22
Romana 6:23
Romana 16:25
Romana 16:26
2 Korintiana 4:17
2 Korintiana 4:18
2 Korintiana 5:1
Galatiana 6:8
2 Tesaloniana 1:9
2 Tesaloniana 2:16
1 Timoty 1:16
1 Timoty 6:12
1 Timoty 6:16
2 Timoty 1:9
2 Timoty 2:10
Titosy 1:2
Titosy 3:7
Filemona 1:15
Hebreo 5:9
Hebreo 6:2
Hebreo 9:12
Hebreo 9:14
Hebreo 9:15
Hebreo 13:20
1 Petera 5:10
2 Petera 1:11
1 Jaona 1:2
1 Jaona 2:25
1 Jaona 3:15
1 Jaona 5:11
1 Jaona 5:13
1 Jaona 5:20
Joda 1:7
Joda 1:21
Apokalypsy 14:6

eleēsē

Romana 11:32

Geenna

Matio 5:22
Matio 5:29
Matio 5:30
Matio 10:28
Matio 18:9
Matio 23:15
Matio 23:33
Marka 9:43
Marka 9:45
Marka 9:47
Lioka 12:5
Jakoba 3:6

Hadēs

Matio 11:23
Matio 16:18
Lioka 10:15
Lioka 16:23
Asan'ny Apostoly 2:27
Asan'ny Apostoly 2:31
1 Korintiana 15:55
Apokalypsy 1:18
Apokalypsy 6:8
Apokalypsy 20:13
Apokalypsy 20:14

Limnē Pyr

Apokalypsy 19:20
Apokalypsy 20:10
Apokalypsy 20:14
Apokalypsy 20:15
Apokalypsy 21:8

Sheol

Genesisy 37:35
Genesisy 42:38
Genesisy 44:29
Genesisy 44:31
Nomery 16:30
Nomery 16:33
Deotoronomia 32:22
1 Samoela 2:6
2 Samoela 22:6
1 Mpanjaka 2:6
1 Mpanjaka 2:9
Joba 7:9
Joba 11:8
Joba 14:13
Joba 17:13
Joba 17:16
Joba 21:13
Joba 24:19
Joba 26:6
Salamo 6:5
Salamo 9:17
Salamo 16:10
Salamo 18:5
Salamo 30:3
Salamo 31:17
Salamo 49:14
Salamo 49:15
Salamo 55:15
Salamo 86:13
Salamo 88:3
Salamo 89:48
Salamo 116:3
Salamo 139:8
Salamo 141:7
Ohabolana 1:12
Ohabolana 5:5
Ohabolana 7:27
Ohabolana 9:18
Ohabolana 15:11
Ohabolana 15:24
Ohabolana 23:14
Ohabolana 27:20
Ohabolana 30:16
Mpitoriteny 9:10
Tonon-kiran'i Solomona 8:6
Isaia 5:14
Isaia 7:11
Isaia 14:9
Isaia 14:11
Isaia 14:15
Isaia 28:15
Isaia 28:18
Isaia 38:10
Isaia 38:18
Isaia 57:9
Ezekiela 31:15
Ezekiela 31:16
Ezekiela 31:17
Ezekiela 32:21
Ezekiela 32:27
Hosea 13:14
Amosa 9:2
Jona 2:2
Habakoka 2:5

Tartaroō

2 Petera 2:4

Questioned

None yet noted



Finoana no naneken' i Abrahama, rehefa nantsoina, hiainga hankany amin' izay tany ho azony ho lova; ka dia niainga izy, nefa tsy fantany izay halehany. - Hebreo 11:8



Ary rehefa nalefan' i Farao ny olona, dia tsy mba nentin' Andriamanitra tamin' ny lalana nankany amin' ny tanin' ny Filistina izy, na dia akaiky aza izany; fa hoy Andriamanitra: Andrao hanenina ny olona, raha mahita ady, ka hiverina any Egypta. - Eksodosy 13:17



Fa ny Zanak' olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro. - Marka 10:45

Paoly, mpanompon' i Jesosy Kristy, voantso ho Apostoly, voatokana ho amin' ny filazantsaran' Andriamanitra, - Romana 1:1

Creation 4004 B.C.

Adam and Eve created	4004
Tubal-cain forges metal	3300
Enoch walks with God	3017
Methuselah dies at age 969	2349
God floods the Earth	2349
Tower of Babel thwarted	2247
Abraham sojourns to Canaan	1922
Jacob moves to Egypt	1706
Moses leads Exodus from Egypt	1491
Gideon judges Israel	1245
Ruth embraces the God of Israel	1168
David installed as King	1055
King Solomon builds the Temple	1018
Elijah defeats Baal's prophets	896
Jonah preaches to Nineveh	800
Assyrians conquer Israelites	721
King Josiah reforms Judah	630
Babylonians capture Judah	605
Persians conquer Babylonians	539
Cyrus frees Jews, rebuilds Temple	537
Nehemiah rebuilds the wall	454
Malachi prophecies the Messiah	416
Greeks conquer Persians	331
Seleucids conquer Greeks	312
Hebrew Bible translated to Greek	250
Maccabees defeat Seleucids	165
Romans subject Judea	63
Herod the Great rules Judea	37

(The Annals of the World, James Uusher)

Jesus Christ born 4 B.C.

New Heavens and Earth

	Christ returns for his people
1956	Jim Elliot martyrd in Ecuador
1830	John Williams reaches Polynesia
1731	Zinzendorf leads Moravian mission
1614	Japanese kill 40,000 Christians
1572	Jesuits reach Mexico
1517	Martin Luther leads Reformation
1455	Gutenberg prints first Bible
1323	Franciscans reach Sumatra
1276	Ramon Llull trains missionaries
1100	Crusades tarnish the church
1054	The Great Schism
997	Adalbert marytyrd in Prussia
864	Bulgarian Prince Boris converts
716	Boniface reaches Germany
635	Alopen reaches China
569	Longinus reaches Alodia / Sudan
432	Saint Patrick reaches Ireland
397	Carthage ratifies Bible Canon
341	Ulfilas reaches Goth / Romania
325	Niceae proclaims God is Trinity
250	Denis reaches Paris, France
197	Tertullian writes Christian literature
70	Titus destroys the Jewish Temple
61	Paul imprisoned in Rome, Italy
52	Thomas reaches Malabar, India
39	Peter reaches Gentile Cornelius
33	Holy Spirit empowers the Church

(Wikipedia, Timeline of Christian missions)

Resurrected 33 A.D.

What are we?			Genesis 1:26 - 2:3	
How are we sinful?			Romans 5:12-19	
Where are we?			Innocence	
			Eternity Past	Creation 4004 B.C.
Who are we?	God	Father	John 10:30 God's perfect fellowship	Genesis 1:31 God's perfect fellowship with Adam in The Garden of Eden
		Son		
		Holy Spirit		
	Mankind	Living	Genesis 1:1 No Creation No people	
		Deceased believing		
		Deceased unbelieving		
	Angels	Holy		Genesis 1:31 No Fall No unholy Angels
		Imprisoned		
		Fugitive		
		First Beast		
		False Prophet		
		Satan		
Why are we?			Romans 11:25-36, Ephesian 2:7	

Mankind is created in God's image, male and female He created us

Sin entered the world through Adam and then death through sin

When are we?

<table>
<tr><td colspan="4">Fallen</td><td>Glory</td></tr>
<tr><td>Fall to sin
No Law</td><td>Moses' Law
1500 B.C.</td><td>Christ
33 A.D.</td><td>Church Age
Kingdom Age</td><td>New Heavens
and Earth</td></tr>
<tr><td colspan="4">1 Timothy 6:16
Living in unapproachable light</td><td rowspan="7">Acts 3:21
Philippians 2:11
Revelation 20:3

God's perfectly restored fellowship with all Mankind praising Christ as Lord in the Holy City</td></tr>
<tr><td colspan="2">John 8:58
Pre-incarnate</td><td>John 1:14
Incarnate</td><td>Luke 23:43
Paradise</td></tr>
<tr><td colspan="2">Psalm 139:7
Everywhere</td><td colspan="2">John 14:17
Living in believers</td></tr>
<tr><td colspan="4">Ephesians 2:1-5
Serving the Savior or Satan on Earth</td></tr>
<tr><td colspan="4">Luke 16:22
Blessed in Paradise</td></tr>
<tr><td colspan="4">Luke 16:23, Revelation 20:5,13
Punished in Hades until the final judgment</td></tr>
<tr><td colspan="4">Hebrews 1:14
Serving mankind at God's command</td></tr>
<tr><td colspan="4">2 Peter 2:4, Jude 6
Imprisoned in Tartarus</td><td rowspan="4">Matthew 25:41
Revelation 20:10

Lake of Fire prepared for the Devil and his Angels</td></tr>
<tr><td colspan="3" rowspan="3">1 Peter 5:8, Revelation 12:10

Rebelling against Christ
Accusing mankind</td><td>Revelation 20:13
Thalaasa</td></tr>
<tr><td>Revelation 19:20
Lake of Fire</td></tr>
<tr><td>Revelation 20:2
Abyss</td></tr>
</table>

For God has bound all over to disobedience in order to show mercy to all

Anjara

Malagasy at AionianBible.org/Destiny

The Aionian Bible shows the location of eleven special Greek and Hebrew Aionian Glossary words to help us better understand God's love for individuals and for all mankind, and the nature of after-life destinies. The underlying Hebrew and Greek words typically translated as *Hell* show us that there are not just two after-life destinies, Heaven or Hell. Instead, there are a number of different locations, each with different purposes, different durations, and different inhabitants. Locations include 1) Old Testament *Sheol* and New Testament *Hadēs*, 2) *Geenna*, 3) *Tartaroō*, 4) *Abyssos*, 5) *Limnē Pyr*, 6) *Paradise*, 7) *The New Heaven*, and 8) *The New Earth*. So there is reason to review our conclusions about the destinies of redeemed mankind and fallen angels.

The key observation is that fallen angels will be present at the final judgment, 2 Peter 2:4 and Jude 6. Traditionally, we understand the separation of the Sheep and the Goats at the final judgment to divide believing from unbelieving mankind, Matthew 25:31-46 and Revelation 20:11-15. However, the presence of fallen angels alternatively suggests that Jesus is separating redeemed mankind from the fallen angels. We do know that Jesus is the helper of mankind and not the helper of the Devil, Hebrews 2. We also know that Jesus has atoned for the sins of all mankind, both believer and unbeliever alike, 1 John 2:1-2. Deceased believers are rewarded in Paradise, Luke 23:43, while unbelievers are punished in Hades as the story of Lazarus makes plain, Luke 16:19-31. Yet less commonly known, the punishment of this selfish man and all unbelievers is before the final judgment, is temporal, and is punctuated when Hades is evacuated, Revelation 20:13. So is there hope beyond Hades for unbelieving mankind? Jesus promised, *"the gates of Hades will not prevail,"* Matthew 16:18. Paul asks, *"Hades where is your victory?"* 1 Corinthians 15:55. John wrote, *"Hades gives up,"* Revelation 20:13.

Jesus comforts us saying, *"Do not be afraid,"* because he holds the keys to *unlock* death and Hades, Revelation 1:18. Yet too often our *Good News* sounds like a warning to *"be afraid"* because Jesus holds the keys to *lock* Hades! Wow, we have it backwards! Hades will be evacuated! And to guarrantee hope, once emptied, Hades is thrown into the Lake of Fire, never needed again, Revelation 20:14.

Finally, we read that anyone whose name is not written in the Book of Life is thrown into the Lake of Fire, the second death, with no exit ever mentioned or promised, Revelation 21:1-8. So are those evacuated from Hades then, *"out of the frying pan, into the fire?"* Certainly, the Lake of Fire is the destiny of the Goats. But, do not be afraid. Instead, read the Bible's explicit mention of the purpose of the Lake of Fire and the identity of the Goats, *"Then he will say also to those on the left hand, 'Depart from me, you cursed, into the consummate fire which is prepared for... the devil and his angels,'"* Matthew 25:41. Bad news for the Devil. Good news for all mankind!

Faith is not a pen to write your own name in the Book of Life. Instead, faith is the glasses to see that the love of Christ for all mankind has already written our names in Heaven. Jesus said, *"You did not choose me, but I chose you," John 15:16*. Though unbelievers will suffer regrettable punishment in Hades, redeemed mankind will never enter the Lake of Fire, prepared for the devil and his angels. And as God promised, all mankind will worship Christ together forever, Philippians 2:9-11.

Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masìna - Matio 28:19